## Other possible translation difficulties in this chapter

### Alpha and omega

These are the names of the first and last letters in the Greek alphabet. The ULB spells out their names in English. This strategy can serve as a model for translators. Some translators, however, may decide to use the first and last letters in their own alphabet. This would be "A and Z" in English.

---

### Revelation 22:1

#### Connecting Statement:

John continues to describe the new Jerusalem as the angel shows it to him.

#### showed me

Here "me" refers to John.

#### the river of the water of life

"the river flowing with life-giving water"

#### the water of life

Eternal life is spoken of as if it were provided by life-giving water. See how you translated this in [Revelation 21:6]

#### the Lamb

This is a young sheep. Here it is used symbolically to refer to Christ. See how you translated this in [Revelation 5:6]

### Revelation 22:2

#### the nations

Here "nations" refers to the people who live in every nation. Alternate translation: "the people of all nations"

### Revelation 22:3

#### There will no longer be any curse

Possible meanings are 1) "There will never be anyone there that God will curse" or 2) "There will not be anyone there who is under God's curse"

#### his servants will serve him

Possible meanings of "his" and "him" are 1) both words refer to God the Father, or 2) both words refer to both God and the Lamb, who rule together as one.

### Revelation 22:4

#### They will see his face

This is an idiom, meaning to be in God's presence. Alternate translation: "They will be in God's presence"

### Revelation 22:5

#### General Information:

This page has intentionally been left blank.

### Revelation 22:6

#### General Information:

This is the beginning of the end of John's vision. In this versethe angel is speaking to John. This can be shown clearly as it is in the UDB.

#### These words are trustworthy and true

Here "words" refers to a message. See how you translated this in [Revelation 21:5]

#### the God of the spirits of the prophets

Possible meanings are 1) the word "spirits" refers to the inward disposition of the prophets and indicates that God inspires them. Alternate translation: "God who inspires the prophets" or 2) the word "spirits" refers to the Holy Spirit who inspires the prophets. Alternate translation: "God who gives his Spirit to the prophets"

### Revelation 22:7

#### General Information:

This is the beginning of the end of John's vision. Jesus is speaking. This can be shown clearly as it is in the UDB.

#### Look!

Here Jesus begins to speak. The word "Look" adds emphasis to what follows.

#### I am coming soon!

It is understood that he is coming in order to judge. See how you translated this in Revelation 3:11. Alternate translation: "I am coming to judge soon!"

#### the words of the prophecy of this book

Here "words" refers to a message. Alternate translation: "the prophetic message of this book"



## Revelation 22:8

### General Information:

John tells his readers about how he responded to the angel.

### I fell down to worship at the feet

This means that John purposely lay on the ground and stretched himself out in reverence or submission. This action was an important part of worship, to show respect and willingness to serve. See how you translated similar words in Revelation 19:10.

## Revelation 22:9

### General Information:

This page has intentionally been left blank.

## Revelation 22:10

### Connecting Statement:

The angel finishes speaking to John.

### Do not seal up ... this book

To seal a book was to keep it closed with something that makes it impossible for anyone to read what was inside without breaking the seal. The angel is telling John not to keep the message a secret. Alternate translation: "Do not keep secret ... this book"

### the words of the prophecy of this book

Here "words" refers to a message. See how you translated this in [Revelation 22:7]

## Revelation 22:11

### General Information:

This page has intentionally been left blank.

## Revelation 22:12

### General Information:

As the book of Revelation is ending, Jesus gives a closing greeting.

## Revelation 22:13

### the Alpha and the Omega, the first and the last, the beginning and the end

These three phrases share similar meanings and emphasize that Jesus has existed and will exist for all time.

### the Alpha and the Omega

These are first and last letters of the Greek alphabet. Possible meanings are 1) "the one who began all things and who ends all things" or 2) "the one who has always lived and who always will live." If these meanings are unclear to readers, you may consider using the first and last letters of your

alphabet. See how you translated this in [Revelation 1:8]

### the first and the last

This refers to the eternal nature of Jesus. See how you translated this in [Revelation 1:17]

### the beginning and the end

Possible meanings are 1) "the one who began all things and the one who will cause all things to end" or 2) "the one who existed before all things and who will exist after all things." See how you translated this in Revelation 21:6.

## Revelation 22:14

### Connecting Statement:

Jesus continues giving his closing greeting.

### those who wash their robes so that

Becoming righteous is spoken of as if it were washing one's clothing. See how you translated a similar phrase in [Revelation 7:14]

## Revelation 22:15

### Outside

This means they are outside the city and not allowed to enter.

### are the dogs

In that culture the dog was an unclean, despised animal. Here the word "dogs" is derogatory and refers to people who are wicked.

## Revelation 22:16

### to testify to you

Here the word "you" is plural.

### the root and the descendant of David

The words "root" and "descendant" mean basically the same thing. Jesus speaks of being a "descendant" as if he were a "root" that grew out of David. Together the words emphasize that Jesus belongs to the family of David.

### the bright morning star

Jesus speaks of himself as if he were the bright star that sometimes appears early in the morning and indicates that a new day is about to begin. See how you translated "morning star" in [Revelation 2:28]

## Revelation 22:17

### Connecting Statement:

This verse is a response to what Jesus said.

### the Bride

Believers are spoken of as if they were a bride about to be married to her groom, Jesus.

**Come!**

Possible meanings are 1) that this is an invitation for people to come and drink the water of life. Alternate translation: "Come and drink!" or 2) that this is a polite request for Jesus to return. Alternate translation: "Please come!"

**Whoever is thirsty ... the water of life**

A person's desire for eternal life is spoken of as if it were thirst and of that person receiving eternal life as if he were drinking life-giving water.

**the water of life**

Eternal life is spoken of as if it were provided by life-giving water. See how you translated this in Revelation 21:6.

**Revelation 22:18**

**General Information:**

John gives his final remarks.

**I testify**

Here "I" refers to John.

**the words of the prophecy of this book**

Here "words" refers to a message. See how you translated this in [Revelation 22:7]

**If anyone adds to them ... God will add**

This is a strong warning to not change anything about this prophecy.

**that are written about in this book**

This can be stated in active form. Alternate translation: "which I have written about in this book"

**Revelation 22:19**

**If anyone takes away ... God will take away**

This is a strong warning to not change anything about this prophecy.

**Revelation 22:20**

**General Information:**

In these verses John gives his and Jesus's closing greetings.

**The one who testifies to these things says**

"Jesus, who testifies to these things, says"

**Revelation 22:21**

**with all**

"with every one of you"

# Language: Plateau Malagasy

## Book: Matthew

### Matthew

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Ny Bokin'ny razan'i Jesosy Kristy zanak'i Davida zanak'i Abrahama. <sup>2</sup> Abrahama no rain'Isaka, ary Isaka no rain'i Jakoba, ary Jakoba no rain'i Joda sy ireo rahalahiny. <sup>3</sup> Joda no rain'i Fareza sy Zara avy tamin'ny Tamara, Fareza no rain'i Herzona, ary Herzona no rain'i Rama. <sup>4</sup> Rama no rain'i Aminadaba, ary Aminadaba no rain'i Nasona, ary Nasona no rain'i Salmona. Salmona no rain'i Boaza tamin'ny <sup>5</sup> Rahaba, Boaza no rain'i Obeda tamin'ny Rota, Obeda no rain'i Jese. <sup>6</sup> Ary Jese no rain'i Davida mpanjaka, Davida no rain'i Solomona tamin'ny alalan'ny vadin'ny Oria. <sup>7</sup> Solomona no rain'i Rehoboama, Rehoboama no rain'i Abia, ary Abia no rain'i Asa. <sup>8</sup> Asa no rain'i Jaosafata, ary Jaosafata no rain'i Jorama, ary Jorama no razan'i Ozia. <sup>9</sup> Ozia no rain'i Jotama, Jotama no rain'i Ahaza, Ahaza no rain'i Hezekia. <sup>10</sup> Hezekia no rain'i Manase, Manase no rain'i Amona, ary Amona no rain'i Josia. <sup>11</sup> Josia no razan'i Jekonia sy ireo rahalahiny tamin'ny fotoanan'ny fandroahana ho any Babylona. <sup>12</sup> Taorian'ny fandroahana ho any Babylona, dia Jekonia no rain'i Sealtiel, ary Sealtiel no razan'i Zerobabela. <sup>13</sup> Zerobabela no rain'i Abihoda, Abihoda no rain'i Eliakima, ary Eliakima no rain'i Azora. <sup>14</sup> Azora no rain'i Zadoka, Zadoka no rain'i Akima, ary Akima no rain'i Elihoda. <sup>15</sup> Elihoda no rain'i Eliazara, Eliazara no rain'i Matana, ary Matana no rain'i Jakoba. <sup>16</sup> Jakoba no rain'i Josefa izay vadin'i Maria, ilay niteraka an'i Jesosy, izay nantsoina hoe Kristy. <sup>17</sup> Ny taranaka rehetra manomboka amin'i Abrahama ka hatrany amin'i Davida dia taranaka efatra ambin'ny folo, manomboka amin'i Davida ka hatrany amin'ny fandroahana ho any Babylona dia taranaka efatra ambin'ny folo, ary manomboka amin'ny fandroahana ho any Babylona ka hatrany amin'i Kristy dia taranaka efatra ambin'ny folo. <sup>18</sup> Tahaka izao no nitrangan'ny fahaterahan'i Jesosy Kristy. Ny reniny, Maria, dia efa natokana hanambady an'i Josefa, saingy talohan'ny niarahan'izy ireo, dia hita fa nitoe-jaza izy avy tamin'ny Fanahy Masina. <sup>19</sup> Josefa, vadiny, dia lehilahy marina, no sady tsy ta-hanala baraka azy ampahibemaso. Ka nanapa-kevitra izy ny hamarana mangingina ny fifanekeny taminy. <sup>20</sup> Ary raha izy mbola nieritreritra mahakasika ireo zavatra ireo iny, dia niseho taminy tamin'ny nofy ny anjelin'ny Tompo, manao hoe: "Josefa, zanaka lahin'i Davida, aza matahotra ny haka an'i Maria ho vadinao, satria ilay iray izay notorontoronina ao anatiny dia ny Fanahy Masina no nampitoetra azy. <sup>21</sup> Hiteraka zaza lahy izy, ary ianao hiantso ny anarany hoe Jesosy, fa izy no hamonjy ny olony hiala amin'ny fahotan'izy ireo." <sup>22</sup> Izany rehetra izany dia nitranga mba hahatanteraka izay nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ilay mpaminany, manao hoe: <sup>23</sup> "Indro, ny virjiny hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy, ary izy ireo hiantso ny anarany hoe Imanoela" izay midika hoe: "Amintsika Andriamanitra." <sup>24</sup> Nifoha tamin'ny torimasony Josefa ary nanao arak'izay nandidian'ny anjelin'ny Tompo azy ary naka azy ho vadiny. <sup>25</sup> Saingy tsy niray taminy izy mandram-piterany zazalahy. Ary nantsoiny hoe Jesosy ny anarany.

#### Matthew 1:1

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny mpanoratra dia manomboka amin'ny firazanan'i Jesosy mba hanehoana fa Izy dia taranak'i Davida Mpanjaka sy Abrahama. Ilay firazanana dia mitohy hatrany amin'ny 1:15.

##### Ny bokin'ny firazanan'i Jesosy Kristy

Afaka adikanao amin'ny fehezanteny feno io: "Izao no lisitr'ireo razamben'i Jesosy Kristy"

##### Jesosy Kristy, zanak'i Davida, zanak'i Abrahama

Nisy taranaka maro nanelanelana an'i Jesosy, Davida, ary Abrahama. Eto ny "zanaka" dia midika hoe "taranaka." "Jesosy Kristy, taranak'i Davida, izay taranak'i Abrahama"

##### Zanak'i Davida

Indraindray ny teny hoe "zanak'i Davida" dia ampiasaina ho fiantsoana, fa eto izany dia toa ampiasaina hamantarana ny niavian'i Jesosy fotsiny ihany.

**Abrahama no rain'Isaka**

"Abrahama lasa rain'Isaka" na "Abrahama nanan-janaka an'Isaka" na "Abrahama nanan-janaka antsoina hoe Isaka." Misy fomba maro azo andikanao an'io. Na ahona na ahoana fomba hadikanao azy eto, dia ny mandika izany amin'ny fomba mitovy ao amin'ny lisitry ny razamben'i Jesosy no tsara indrindra.

**Isaka ray... Jakoba ray**

Eto ny teny hoe "no" izay maneho ny lasa dia fantatra: "Isaka no ray... Jakoba no ray"

**Fareza ... Zara ... Hezrona ... Rama**

Anaran-dehilahy ireo. (Izahao: Ny Fomba Hadikana ny Anarana)

**Fareza ray...Hezrona ray**

Eto ny teny hoe "no" izay maneho ny lasa dia fantatra: "Fareza no ray... Hezrona no ray"

**Matthew 1:4****Aminadaba ray ... Nasona ray**

Eto ny teny hoe "no" izay maneho ny lasa dia efa fantatra: "Aminadaba no ray ... Nasona no ray"

**Salmona no rain'i Boaza avy tamin-dRahaba**

"Salmona no rain'i Boaza, ary ny renin'i Boaza dia Rahaba" na "Salmona sy Rahaba no ray aman-drenin'i Boaza"

**Boaza ray...Obeda ray**

Eto ny teny hoe "no" izay maneho ny lasa dia efa fantatra: "Boaza no ray ... Obeda no ray"

**Boaza no rain'i Obeda avy tamin'i Rota**

"Boaza no rain'i Obeda, ary ny renin'i Obeda dia I Rota" na "Boaza sy Rota no ray aman-drenin'i Obeda"

**Davida rain'i Solomona avy tamin'ny vadin'i Oria**

Eto ny teny hoe "no" izay maneho ny lasa dia efa fantatra. "Davida no rain'i Solomona, ary ny vadin'i Oria no renin'i Solomona" na "Davida sy ny vadin'i Oria no ray aman-drenin'i Solomona"

**Ny vadin'i Oria**

"ilay mpitondra-tenan'i Oria." Solomona dia teraka taorian'ny nahafatesan'i Oria.

**Matthew 1:7****Rehoboama Rain'i Abia, Abia rain'i Asa**

Ny teny hoe "no" dia samy fantatra eo amin'ireo fehezanteny ireo. DH: "Rehoboama no rain'i Abia, ary Abia no rain'i Asa."

**Matthew 1:9****Amona**

Indraindray io dia azo adika hoe "Amona."

**Josia no razan'i Jekonia**

Afaka mapiasa fomba filaza voafaritra tsara ilazana ny hoe "razana" ihany koa, indrindra raha hampiasaina ho an'olona iray izay niaina talohan'ny raiben'ny olona izany teny hoe "razana" izany. DH: "Josia dia raiben'i Jekonia."

**tamin'ny fotoanan'ny fandroahana ho any Babylona**

"rehefa noterana hifindra ho any Babylona izy ireo." na "rehefa resin'ny Babyloniana izy ireo ary nandefa azy ireo handeha hipetraka any Babylona." Raha mila mamaritra tsara hoe iza no nandeha tany Babylona ny fiteniana, dia afaka milaza hoe "ireo zanak'Israely" na "ireo zanak'Israely nipetraka tao Joda" ianao.

**Babylona**

Eto izany dia midika hoe firenen'i Babylona, fa tsy ny tanànan'ny Babylona fotsiny.

**Matthew 1:12****Taorian'ny fandroahana ho any Babylona**

Ampisao ny teny mitovy tamin'izay napiasainao tao amin'ny 1:9.

**Sealtiel no razan'i Zerobabela**

Sealtiel no raiben'i Zerobabela.

**Matthew 1:15****Foto-kevitra ifandraisana**

Faranan'ny mpanoratra ny firazanan'i Jesosy, izay niantomboka tao amin'ny 1:1.

**Maria, izay avy taminy no nahaterahan'i Jesosy**

Azo atao hoe: "Maria, izay niteraka an'i Jesosy"

**Izay antsoina hoe Kristy**

Io dia azo atao hoe: "izay antsoin'ny olona hoe Kristy"

**Efatra ambin'ny folo**

"14" (Izahao: Nomery)

**Fandroahana ho any Babylona**

Ampiaso ny fomba fiteny mitovy amin'ny nampiasainao tao amin'ny 1:9.

**Matthew 1:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Io dia manomboka ampahan-tantara vaovao izay hamariparitan'ny mpanoratra ireo tranga mitondra makany amin'ny fahaterahan'i Jesosy.

**Ny reniny, Maria, dia natokana hanambady an'i Josefa**

"Ny reniny, Maria, dia handeha hanambady an'i Josefa." Raha ny tokony ho izy ny ray aman-dreny no manamboatra ny fanambadiana ho an'ireo zanany. DH: "Ireo ray aman-drenin'i Maria, renin'i Jesosy, dia nanaiky azy hanambady an'i Josefa"

**Ny reniny, Maria, dia voatokana**

"Talohan'ny nivadian'izy ireo." Mety maneho an'i Maria sy Josefa miara-mandry io.

**Talohan'ny niarahan'izy ireo**

Talohan'ny nivadian'izy ireo." Mety maneho an'i Maria sy Josefa miara-mandry io.

**hita fa nitoe-jaza izy**

Azo atao amin'ny fehezan-teny tso-drafitra io: "hitany'izy ireo fa hanan'anaka izy" na "ary nitoe-jaza izy" (izahao: Tso-drafitra na Mivadi-drafitra)

**avy tamin'ny Fanahy Masina**

Ny herin'ny Fanahy Masina no nahatonga an'i Maria hanan'anaka alohan'ny nandriany niaraka tamina lehilahy.

**I Josefa, vadiny**

Mbola tsy nanambady an'i Maria i Josefa, saingy rehefa mifanaiky ny hifanambady ny lehilahy sy vehivavy iray, dia noraisin'ireo Jiosy ho toy ny mpivady izy ireo na dia mbola tsy miara-mipetraka aza. DH: "Josefa, izay tokony hanambady an'i Maria" na "Josefa"

**hamarana ny fifanekeny taminy**

"Hanafoana ny fikasan'izy ireo hivady"

**Matthew 1:20****raha izy mbola nieritreritra**

"Raha iny Josefa mbola nieritreritra"

**niseho taminy tamin'ny nofy**

"Nankeo aminy raha iny nanofy iny Josefa"

**zanaka lahin'i Davida**

Eto ny hoe "zanaka" dia midika hoe "taranaka."

**ilay iray izay notorotoronina ao aminy dia notorontoronin'ny Fanahy Masina**

Azo atao hoe: "Ny Fanahy Masina no nahatonga an'i Maria hitondra vohoka an'io zaza io"

**Hiteraka zaza lahy izy**

Satria Andriamanitra no naniraka ilay anjely, dia fantatr'ilay anjely fa lahy ilay zaza.

**ianao hiantso ny anarany hoe**

"tsy maintsy antsoinao Izy hoe" na "tsy maintsy omenao anarana hoe." Baiko izany.

**fa Izy no hamonjy**

Ny mpandika teny dia afaka manampy fanamarihana izay miteny hoe "Ny anarana hoe 'Jesosy' dia midika hoe 'mamonjy ny Tompo.'"

**ny olony**

Maneho ny Jiosy io.

**Matthew 1:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ataon'ny mpanoratra anaty farango sosona ny tenin'i Isaia mba hampisehoana fa ny fahaterahan'i Jesosy dia araka ny soratra masina.

**Izany rehetra izany dia nitranga**

Tsy miteny intsony ilay anjely. Manazava ny maha zava-dehibe izay voalazan'ilay anjely i Matio izao.

**izay nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny mpaminany**

Io dia azo atao hoe: "izay nasain'ny Tompo nosoratan'i Isaia hatry ny ela"

**Indro... Imanoela**

Eto i Matio dia milaza ny tenin'i Isaia.

**Indro**

"Jereo" na "Henoy" na "Tandremo tsara ny zavatra izay ho lazaiko aminareo." Io teny io dia manamafy izay ho lazaina manaraka.

**Imanoela**

Anarana lehilahy io.

**izay midika hoe: "Amintsika Amndriamanitra."**

Tsy ao amin'ny bokin'i Isaia io. Manazava ny hevitra ny anarana hoe "Imanoela" i Matio. Afaka adikanao amina fehezanteny misaraka io. DH: "Ny hevitra'io anarana io dia hoe 'Amintsika Andriamanitra.'"

**Matthew 1:24****Foto-kevitra hifandraisana**

Mamarana ny famaritany ny tranga izay mitondra mankany amin'ny fahaterahan'i Jesosy ny mpanoratra.

**araka izay nandidian'ny anjelin'ny Tompo**

Niteny tamin'i Josefa mba hampakatra an'i Maria ho vadiny ary hiantso ilay zaza hoe Jesosy.

**naka azy ho vadiny**

"nanambady an'i Maria izy"

**zazalahy**

"zaza lahy kely" na "zanany lahy". Ezaho mba hazava tsara fa i Josefa dia tsy atao hoe tena rainy.

**Ary nantsoiny hoe Jesosy ny anarany**

"Natsoin'i Josefa hoe Jesosy ilay zaza"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Taorian'ny nahaterahan'i Jesosy tao Betlehemana'i Jodia tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, dia tonga tao Jerosalema ireo lehilahy manam-pahalalana avy any atsinana niteny hoe: <sup>2</sup> "Aiza Izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Nahita ny kintany avy eny atsinanana izahay ary tonga mba hidera azy." <sup>3</sup> Rehefa nandre izany i Heroda mpanjaka, dia nihorohoro izy, sy i Jerosalema manontolo niaraka taminy. <sup>4</sup> Nentin'i Heroda niaraka ny lohan'ny mpisorona rehetra sy ny mpanora-dalànan'ny olona, ary nanontany azy ireo izy hoe: "Aiza no hahaterahan'i Kristy?" <sup>5</sup> Niteny taminy izy ireo hoe: "Ao Betlehemana'i Jodia, fa izao no voasoratra ny mpaminany hoe: <sup>6</sup> 'Fa ianao, Betlehema, any amin'ny tanin'ny Jodia, dia tsy kely indrindra amin'ireo mpitondran'i Jodia, fa avy aminao no hatongavan'ny mpanapaka izay hian-dry ny oloko Israely." <sup>7</sup> Ary niantso mangingina ireo lehilahy manam-pahalalana i Heroda mba hanontany azy ireo mazava tsara ny fotoana nipoiran'ilay kintana. <sup>8</sup> Nalefany tany Betlehema izy ireo, manao hoe: "Mandehana ary fotory tsara ny amin'ilay zaza. Rehefa hitanareo izy, dia ampilazao aho, mba afahako mankany ihany koa ka hidera azy." <sup>9</sup> Taorian'ny nandrenesan'izy ireo ny mpanjaka, dia nandeha tamin'ny lalany izy ireo, ary ny kintana izay hitan'izy ireo teny atsinanana no nialoha azy ireo mandra-pijanony teo ambonin'ny toerana nisy ilay zaza. <sup>10</sup> Rehefa nahita ny kintana izy ireo, dia niravo tamim-pifaliam-be. <sup>11</sup> Niditra tao amin'ilay trano izy ireo ary nahita ny zaza niaraka tamin'i Maria reniny. Niankohoka sy nidera azy izy ireo. Nanokatra ny fitoeran-karen'ny izy ireo ary nanolotra fanomezana volamena, dintin-kazo manitra, ary miora ho azy. <sup>12</sup> Nampitandrina azy ireo tamin'ny nofy Andriamanitra mba tsy hiverina any amin'i Heroda, ka lalana hafa no nandehanan'izy ireo namonjy ny firenany avy. <sup>13</sup> Rehefa lasa izy ireo, dia nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tamin'ny alalan'ny nofy ary niteny hoe: "Miarena, ento ny zaza sy ny reniny, ary mandosira any Egypta. Mitoera any mandra-pilazako aminao, fa i Heroda dia mitady ilay zaza mba hamonoana azy." <sup>14</sup> Ny alin'iny Josefa dia nifoha ary nitondra ny zaza sy ny reniny ka nankany Egypta. Nitoetra tany izy mandra-pahafatin'i Heroda. <sup>15</sup> Izany dia nanatanteraka izay nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny mpaminany hoe: "Nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako." <sup>16</sup> Avy eo Heroda, rehefa nahita fa voafitak'ireo lehilahy manam-pahalalana, dia tezitra mafy. Naniraka sy nampamono ny zazalahy rehetra roa taona no midina izay tao Betlehema sy tao amin'ny faritra rehetra iny izy, araka ny fotoana izay nofotorany mazava tamin'ireo lehilahy manam-pahalalana. <sup>17</sup> Avy eo dia tanteraka ny teny izay nolazaina tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany hoe: <sup>18</sup> "Nisy feo re tao Rama, fitomaniana sy fisaonambe, mitomany nohon'ny amin'ny zanany i Rahely, ary tsy nanaiky ny ho ampanginina izy, satria efa lasana izy ireo." <sup>19</sup> Rehefa maty i Heroda, indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tany Egypta tamin'ny nofy ary niteny hoe: <sup>20</sup> "Mifohaza ary ento ny zaza sy ny reniny ka mandehana any amin'ny tanin' Isiraely, fa efa maty ireo izay nifoho ny ain'ny zaza." <sup>21</sup> Nifoha Josefa, nentin'ny zaza sy ny reniny, ary nandeha tany amin'ny tanin'Isiraely. <sup>22</sup> Fa rehefa reny fa i Arkelaosy no nanjaka tany Jodia nandimby an'i Heroda rainy, dia natahotra ny ho any izy. Taorian'ny nampitandreman' Andriamanitra azy tamin'ny nofy, dia niala nankany amin'ny faritr'i Galilia izy <sup>23</sup> ka nandeha ary nitoetra tao amin'ny tanàna antsoina hoe Nazareta. Izany dia nahatanteraka izay voalaza tamin'ny alalan'ireo mpaminany hoe: "Nazarena no hiantsoana azy."

### Matthew 2:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ampahany vaovao amin'ny tantara no miantomboka eto ary mitohy hatrany amin'ny faran'ny toko. I Matio dia mitantara momba ny tetik'i Heroda hamono ny Mpanjaka vaovaon'ny Jiosy.

#### Betlehemana'i Jodia

"ny tanànan'i Betlehema tao amin'ny faritanin'i Jodia"

#### Tamin'ny andron'i Heroda Mpanjaka

"tamin'i Heroda no nanjaka tao"

#### Heroda

Io dia manambara ny amin'ny Heroda mpanjaka

**Lehilahy manam-pahalalana avy any antsinanana**  
lehilahy avy any antsinanana izay nandinika ireo kintana" Matio 2:1-3

#### avy any antsinanana

"avy amina tanàna lavitra miantsinana an'i Jodia"

#### Aiza Izy izay teraka ho mpanjakan'ny Jiosy?

Fantatr'ireo lehilahy tamin'ny fandinihana ireo kintana fa teraka ilay iray izay ho tonga mpanjaka. Niezaka ny handinika izay misy Azy. DH: "Teraka ilay zaza izay ho tonga mpanjakan'ny Jiosy. Aiza Izy?"

#### Ny kintany

Tsy nilaza izy ireo fa ilay zaza no tompon'ilay kintana tanteraka. DH: "ilay kintana izay milaza ny

momba Azy” na “ilay kintana izay mifandraika amin’ny fahaterahany”

#### avy eny antsinana

“raha nipoaka teny antsinanana izany” na “raha tany amin’ny tanànanay izahay”

#### hidera

Ireo mety ho dikany dia 1) te hiankohoka tamin’ily zaza toy ny hoe andriamanitra izy ireo, na 2) te hanaja azy toy ny mpanjaka izy ireo. Raha toa ka misy teny iray izay mahalaza ireo dikany roa ireo, dia tokony hihevitra ny hampiasa izany ianao.

#### nihorohoro izy

“niahiahy izy.” I Heroda dia niahiahy fa hisolo toerana azy amin’ny maha-mpanjaka azy io zaza io.

#### I Jerosalema manontolo

Eto “Jerosalema” dia maneho ireo olona. Ary koa, “manontolo” dia midika hoe “maro.” I Matio dia manao filaza masaka mba hanindriana ny hamaron’ireo olona niahiahy. DH: “maro tamin’ireo olona tao Jerosalema

#### Matthew 2:4

##### Fampahafantarana amin’ny ankapobeny

Ao amin’ny andininy faha 6, ireo lohan’ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna dia milaza ny tenin’ny Mika mpaminany mba hampiseho ho teraka ao Belthlehema ny Kristy.

##### Ao Bethlehema i Jodia

Ao amin’ny tanànan’i Bethlehema ao amin’ny faritanin’i Jodia”

##### Fa izao no voasoratra ny mpaminany

Azo atao hoe: “Izao no nosoratan’ny mpaminany hatry ny ela”

##### ianao, Bethlehema, ... dia tsy kely indrindra amin’ireo mpitondran’i Joda

Niteny tamin’ireo vahoakan’i Betlehema toy ny hoe niaraka tamin’izy ireo i Mika saingy tsy teo ireo. Ary koa, ny hoe “tsy kely indrindra” dia azo adika hoe: “ianareo vahoakan’i Bethlehema, ... ny tanànanareo dia isan’ireo tanàna manan-danja indrindra ao Joda”

##### izay hiandry ny oloko Israely

Milaza ny momba an’io mpanapaka io ho toy ny mpiandry ondry i Mika. Midika izany fa hitarika sy hikorakara ireo vahoaka. DH: “izay hitarika ny oloko Israely tahaka ny mpiandry ondry mitarika ny ondriny”

#### Matthew 2:7

##### Niantso mangingina ireo lehilahy manam-pahalalana i Heroda

Midika io fa niresaka tamin’ireo lehilahy manam-pahalalana ary tsy nisy olona nahalala i Heroda.

##### mba hanontany azy ireo mazava tsara ny fotoana nipoiran’ily kintana

Io dia azo adika mivantana hoe: “ary izy nanontany tamin’izy ireo hoe: ‘Oviana marina no nipoitra izany kintana izany?’”

##### ny fotoana nipoiran’ily kintana

Midika izany fa nambaran’ireo lehilahy manam-pahalalana taminy hoe oviana no nipoiran’ily kintana. DH: “tamin’ny fotoana inona no nipoiran’ily kintana. Dia nolazain’ireo lehilahy manam-pahalalana hoe oviana no nipoiran’ily kintana voalohany”

##### ilay zaza

Manambara an’i Jesosy io

##### ampilazao aho

Eto ny hoe “ampilazao” dia misy hevitra ambadika hoe “hafatra” na “vaovao”. DH: “Ampahafantaro ahy” na “Lazao amiko” na “Tatero amiko”

##### hidera Azy

Adikao araka ny nataonao tao amin’ny 2:1

#### Matthew 2:9

##### Taorian’ny... izy ireo

Taorian’ny... ireo lehilahy manam-pahalalana

##### izay hitan’izy ireo teny antsinanana

“hitan’izy ireo nipoaka teny antsinanana” na “hitan’izy ireo tany amin’ny firenen’izy ireo”

##### nialoha azy ireo

“nitari-dalana azy ireo” na “nitarika azy ireo”

##### mandra-pijanony teo ambonin’ny toerana nisy ilay zaza.

“nijanona teo ambony”

##### nisy ilay zaza

“ny toerana nitoeran’ily zaza”

#### Matthew 2:11

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Eto dia mivadika ao amin’ny trano izay nitoeran’i Maria, Josefa, ary i Jesosy zazakely ny tantatra.

##### Niditra tao...izy ireo

“niditra... ireo lehilahy manam-pahalalana”

##### fitoeran-kareny

Eto ny hoe “fitoeran-kareny” dia maneho ny vata na kitapo nampiasain’izy ireo hitondrana ny haren’izy ireo. DH: “ireo fasiana izay nisy ny haren’izy ireo”

##### Nampitandrina azy ireo... Andriamanitra

“Taorian’izany, dia nampitandrina ireo lehilahy manam-pahalalana Andriamanitra.”  
Fantatr’Andriamanitra fa te hamely ilay zaza i Heroda.

**tsy hiverina any amin'i Heroda**

Io dia azo adika hoe: "niteny hoe: 'Aza miverina any amin'i Heroda mpanjaka'"

**Matthew 2:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 15, milaza ny tenin'i Hosea mpaminany ny mpanoratra mba hampisehoana fa hitoetra kely any Egypta i Kristy.

**lasa izy ireo**

"lasa ireo lehilahy manam-pahalalana"

**niseho tamin'i Josefa tamin'ny alalan'ny nofy**

"nankeo amin'i Josefa raha iny nanofy iny izy"

**Miarena, ento ... mandosira ... Mitoera ... aminao**

MIresaka amin'i Josefa Andriamanitra, koa tokony hanondro olona iray ireo.

**mandra-pilazako aminao**

Ny hevitra fenon'ity filazana ity dia azo atao mazava tsara hoe: "mandra-pilazako aminao fa azo antoka ny fiverenana"

**...ilazako aminao**

Eto ny mpisoloka tena tampisaka "-ko" dia maneho an'Andriamanitra. Miteny ho an'Andriamanitra ilay Anjely.

**Nitoetra...izy**

Midika izany fa i Josefa, Maria, ary Jesosy dia nitoetra tao Egypta. DH: "Nitoetra izy ireo"

**mandra-pahafatin'i Heroda**

Tsy maty i Heroda raha tsy ao amin'ny 2:19. Io filazana io dia mamaritra ny halavan'ny fotoana nitoeran'izy ireo tany Egypta, ary tsy milaza izany fa maty tamin'io fotoana io i Heroda.

**Nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako.**

"Niantso ny zanako hila avy tany Egypta aho"

**ny zanako**

Ao amin'ny Hosea dia maneho ny vahoakan'Israely io. Nanambara izany i Matio mba hilazana fa ilay tena zanak'Andriamanitra, Jesosy io. Mampiasa teny iray mahalaza ny hoe "Zanaka lahy" izay afaka maneho ny zanaka lahy tokana na ny lahimatea.

**Matthew 2:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto dia miverina any amin'ny Heroda indray ny tantara ary manambara ny nataony rehefa fantany fa namitaka azy ireo lehilahy manam-pahalalana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireo tranga ireo dia nitranga talohan'ny nahafatesan'i Heroda, izay nambaran'ny mpanoratra tao amin'ny 2:13

**voafitak'ireo lehilahy manam-pahalalana**

Azo atao hoe: "nanala baraka azy tamin'ny famitahana azy ireo lehilahy manam-pahalalana"

**Naniraka sy nampamono ny zazalahy rehetra**

Tsy Heroda tenany no namono ireo zazalahy. DH: "Nanome baiko ireo miaramilany izy mba hamono ny lahy kely rehetra" na "nandefa ireo miaramilany izy mba hamono ny zaza lahy rehetra"

**roa taona no midina**

"roa taona sy izay kely noho izany" (UDB)

**araka ny fotoana**

"mifototra amin'ny fotoana"

**Matthew 2:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Manambara ny tenin'i Jeremia mpaminany ny mpanoratra mba hampisehoana fa araka ny Soratra masina ny fahafatesan'ireo zaza lahy rehetra tao amin'ny faritr'i Betlehema.

**Avy eo dia tanteraka**

Azo atao hoe: "Izany no nanatanteraka" na "Ireo nataon'i Heroda dia nahatanteraka"

**izay nolazaina tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany**

Azo atao hoe: "izay nolazain'ny Tompo hatry ny ela tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany"

**Nisy feo re ... lasana ireo**

Manambara ny tenin'i Jeremia i Matio.

**Nisy feo re**

Azo atao hoe: "Nandre feo ireo olona" na hoe "Nisy feo mafy"

**mitomany nohon'ny amin'ny zanany i Rahely**

Taona maro talohan'io fotoana io no velona i Rahely. Io faminiana io dia mapiseho an'i Rahely, izay maty, nitomany ho an'ireo taranany.

**tsy nanaiky ny ho ampinginina izy**

Azo atao hoe: "tsy nisy afaka nampangina azy"

**satria lasana ireo**

"satria efa lasa ireo ankizy ary tsy hiverina intsony." Eto ny hoe "lasana" dia fanalefahan-teny hilazana fa maty izy ireo. DH : "satria maty izy ireo"

**Matthew 2:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto dia mivadika makany Egypta ny tantara, izy nipetrahan'i Josefa, Mary, ary Jesosy mbola ankizy.

**indro**

Io dia manamarika fiandohana tranga hafa ao amin'ny tantara. Olona maro samihafa noho ny tamin'ireo tranga teo aloha no mety ho tafiditra



amin'izany. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

**ireo izay nifofo ny ain'ny zaza**

Eto ny hoe "nifofo ny ain'ny zaza" dia fomba hilazana fa te hamono ilay zaza izy ireo. DH: "ireo izay nitady ny zaza mba hamono azy"

**ireo izay nifofo**

Maneho an'i Heroda Mpanjaka sy ireo mpanolo-tsaina azy io.

**Matthew 2:22**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Io no fiafaran'ny fizaran-tantara momba ny tetik'i Heroda hamono ny Mpanjakan'ny Jiosy vaovao izay niatomboka tao amin'ny 2:1.

**Fa rehefa reny**

"Fa rehefa ren'i Josefa"

**Arkelaosy**

Io no anaran'ny zanaka lahin'i Heroda.

**natahotra ... izy**

"natahotra i Josefa"

**izay voalaza tamin'ny alalan'ireo mpaminany**

Io dia azo atao hoe: "izay nolazain'ny Tompo hatry ny ela tamin'ny alalan'ireo mpaminany"

**Nazarena no hiantsoana azy**

Eto ny hoe "azy" dia maneho an'i Jesosy. Ireo mpaminany talohan'ny andron'i Jesosy dia mety ho nilaza azy ho ilay Mesia na ilay Kristy. DH: "hiteny ny olona fa Nazarena ny Kristy"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Tamin'izany andro izany dia nandeha nitory tany an'efitra i Jodia i Jaona mpanao Batisa manao hoe: <sup>2</sup> "Mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra." <sup>3</sup> Fa izy no ilay nolazain'Isaia mpaminany, manao hoe: "Misy feo iray miantso mafy any an'efitra hoe: 'Amboary ny lalan'ny Tompo, ahitsio ny lalany.'" <sup>4</sup> Ary Jaona nitafy volon-drameva sy nanao fehikibo hoditra tamin'ny valahany. Valala sy tantely remby no nataony fihinana. <sup>5</sup> Ary Jerosalema, Jodia manontolo, sy ny faritra rehetra manodidina ny reniranon'i Jordana dia nanatona azy. <sup>6</sup> Nataony batisa teny amin'ny reniranon'i Jordana izy ireo, rehefa niaiky ny fahotany. <sup>7</sup> Fa nony nahita ireo Fariseo sy Sadoseo maro nanatona azy mba ho atao batisa izy, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ry taranaka menarana feno poizina, iza no nampitandrina anareo hitsoaka ny fahatezerana izay ho avy?" <sup>8</sup> Mamoaza voa miendrika ny fibebahana. <sup>9</sup> Ary aza misaina ny hilaza anankam-po hoe: 'Manana an'i Abrahamana ho rainay izahay.' Fa lazaiko aminareo fa Andriamanitra dia mahavita manangana zanaka ho an'i Abrahama na dia avy amin'ireto vato ireto aza. <sup>10</sup> Ary efa napetraka eo am-pototrin'ny hazo ny famaky. Koa ireo hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ho kapaina ary hatsipy any anaty afo. <sup>11</sup> Manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana aho. Fa mahery noho izaho izy izay tonga aoriako, ary izaho dia tsy mendrika akory na dia ny hitondra ny kapany aza. Hanao Batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo Izy. <sup>12</sup> Efa eny an-tanany ny fikororohany mba hanadiovana ny famoloany ary hanangonana ny variny any an-tsompitra. Fa izy dia handoro ireo akofa amin'ny afo izay tsy mety maty." <sup>13</sup> Avy eo Jesosy avy tany Galilia ka tonga teo amin'ny reniranon'i Jordana mba ho ataon'i Jaona batisa. <sup>14</sup> Nefa i Jaona dia niezaka nanakana azy, manao hoe: "Izaho no mila ataonao batisa, nefa ianao indray va no manatona ahy?" <sup>15</sup> Jesosy namaly ary niteny taminy hoe: "Ekeo izany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana rehetra." Avy eo Jaona nanaiky azy. <sup>16</sup> Nony vita batisa Izy, dia nivoaka ny rano avy hatrany Jesosy, ary indro, nisokatra taminy ny lanitra. Hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina toy ny voromailala ary nankeo amboniny. <sup>17</sup> Ary indro, nisy feo avy any andanitra nanao hoe: "Ity no Zanako malalako. Izay sitrako indrindra."

### Matthew 3:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ito no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay hitantaran'ny mpanoratra ny asa fanompoan'i Jaona Mpanao Batisa. Ao amin'ny andininy faha 3, ny mpanoratra dia manambara ny tenin'i Isaia mba hampisehoana fa i Jaona Mpanao Batisa no iraka voatendrin'Andriamanitra hanomana ho amin'ny asa fanompoan'i Jesosy.

#### Tamin'izany andro izany

Taona maro taorian'ny nandaozan'i Josefa sy ny ankohonany an'i Egipta ka nandeha nankany Nazareta io. Mety ho nanakaiky ny fotoana nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoany izany. DH: "Fotoana maromaro taty aoriana" na "Taona maromaro taty aoriana"

#### Mibebaha

Manondro olona maro io. Miresaka amin'ny vahoaka i Jaona.

#### efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra

Ny teny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia maneho an'Andriamanitra izay manapaka tahaka ny mpanjaka. Ao amin'ny bokin'i Mation ihany io fehezanteny io. Raha azo atao, ampiasao ny teny hoe "lanitra" ao amin'ny dika-teninao. DH: "hampiseho ny tenany tsy ho ela fa mpanjaka ny Andriamanintsika"

#### Fa izy no ilay nolazain'Isaia mpaminany

Azo atao hoe DH: "Fa niteny momba an'i Jaona Mpanao Batisa i Isaia raha niteny izy hoe"

#### misy feo iray miantso mafy any an'efitra

Azo atao fehezanteny io. DH: "Re ny feon'ny iray izay miantso mafy any an'efitra" na "Mandre feon'olona iray miantso mafy any an'efitra izy ireo."

#### Amboary ny lalan'ny Tompo ... ahitsio ny lalany

Mitovy ny dikan'ireo fehezanteny anankiroa ireo.

#### Amboary ny lalan'ny Tompo

"Ataovy vonona ho an'ny Tompo ny lalana." Ny fanaovana izany dia dia maneho ny fahavononana handre ny hafatry ny Tompo rehefa tonga Izy. DH: "Miomàna handre ny hafatry ny Tompo rehefa tonga Izy" na "Mibebaha ary mivonona amin'ny fiavian'ny Tompo"

### Matthew 3:4

#### Ary ... tantely remby

Ny teny hoe "Ary" eto dia ampiasaina hanamarihana fiatoana eo amin'ny fitohizan'ny tantara fototra. Eto i Matio dia milaza ny fampahafantarana ny mombamomba an'i Jaona Mpanao Batisa.

**nitafy volon-drameva sy nanao fehikibo hoditra tamin'ny valahany**

Io fomba fitafy io dia manamarika fa i Jaona Mpanao Batisa dia mpaminany tahaka ireo mpaminany hatry ny ela, indrindra i Elia mpaminany.

**Ary Jerosalema, Jodia manontolo, sy ny faritra rehetra** Io dia ilazana ireo olona avy ao amin'ireo faritra ireo. Eto ny teny hoe "rehetra" dia midika hoe "maro". Tsindrian'i Matio ny hamaron'ny olona nankeo amin'i Jaona Mpanao Batisa.

**Nataony batisa ... izy ireo**

Azo atao hoe DH: "Nanao batisa azy ireo i Jaona"

**izy ireo**

Maneho ny olona nankany Jerosalema, Jodia, ary ny faritra manodidina ny Reniranon'i Jordana izany.

### Matthew 3:7

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Manomboka mananatra ireo Fariseo sy ireo Sadoseo i Jaona Mpanao Batisa.

**Ry taranaka menarana feno poizina, iza**

Io dia sarin-teny. Eto ny "taranaka" dia midika hoe "manana ny toetoetra." Ny menarana feno poizina dia zava-doza ary ilazana ny ratsy. Io dia azo atao fehezanteny misaraka. DH: "Ianareo ry taranaka menarana feno poizina! Iza" na "Ianareo dia ratsy toy ny menarana feno poizina! Iza"

**iza no nampitandrina anareo hitsoaka ny fahatezerana izay ho avy?**

Mampiasa fanontaniana mba hananarana ny Fariseo sy ny Sadoseo i Jaona satria nangataka izy ireo ny hanaovany batisa azy ireo mba tsy hanasazy azy ireo Andriamanitra, kanefa tsy te hitsahatra ny hanota izy ireo. DH: "tsy afaka ny handositra ny fahatezezan'Andriamanitra tahaka izany ianareo." na "aza mihevitra fa ho afaka ny handositra ny fahatezeran'Andriamanitra tsotra izao ianareo satria nataoko batisa."

**hitsoaka ny fahatezerana izay ho avy**

Ny teny hoe "fahatezerana" dia ampiasaina mba hilazana ny famaizan'Andriamanitra satria mialoha an'izany ny fahatezerany. DH: "mandosira ny famaizana izay ho avy" na "mandosira satria efa hanafay anareo Andriamanitra"

**Mamoaza voa mendrika ny fibebahana**

Ny fehezanteny hoe "mamoaza voa" dia sarin-teny ilazana ny asan'ny olona iray. DH: "Aoka ny asanareo hampiseho fa tena nibebaka marina ianareo"

**Manana an'i Abrahama ho rainay izahay**

"I Abrahama no razanay" na "Izahay dia taranak'i Abrahama." Nihevitra ireo mpitarika Jiosy fa tsy

hanafay azy ireo Andriamanitra satria taranak'i Abrahama izy ireo.

**Fa lazaiko aminareo**

Manindry mafy izy ho lazain'i Jaona io.

**Andriamanitra dia mahavita manangana zanaka ho an'i Abrahama na dia avy amin'ireto vato ireto aza**

Andriamanitra dia mahavita manangana zanaka ho an'i Abrahama na dia avy amin'ireto vato ireto aza

### Matthew 3:10

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mananatra an'ireo Fariseo sy ireo Sadoseo i Jaona Mpanao Batisa.

**Ary efa napetraka eo am-pototrin'ny hazo ny famaky.**

**Koa ireo hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ho kapaina ary hatsipy any anaty afo**

Io sarin-teny io dia midika fa efa vonona ny hanafay ireo mpanota Andriamanitra. Azo atao hoe DH: "Eo amin'Andriamanitra ny famakiny ary vonona ny hanapaka sy handoro izay hazo mamoa voa ratsy Izy" na "Toy ny olona izay manomana ny famakiny hamaky sy handoro ny hazo izay mamoa voa ratsy, Andriamanitra koa dia vonona ny hanafay anareo nohon'ny amin'ny fahotanareo"

**ho amin'ny fibebahana**

"mba hampiseho fa nibebaka ianareo"

**izy izay tonga aoriako**

Jesosa ilay olona izay tonga aorian'i Jaona.

**mahery noho izaho**

"lehibe noho izaho"

**Hanao Batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo Izy**

Io sarin-teny io dia mampitaha ny batisan'i Jaona amin'ny rano amin'ny batisa amin'ny afo izay ho avy. Midika izany fa ny batisan'i Jaona dia manadio ny olona amin'ny fahotan'izy ireo amin'ny fomba hita maso. Ny batisan'ny Fanahy Masina sy ny afo no tena hanadio ny olona amin'ny fahotan'izy ireo. Raha azo ato, dia ampiasao ny teny hoe "manao batisa" ao amin'ny fandikan-teninao mba hitazonana ny fampitahana amin'ny batisan'i Jaona.

**Efa eny an-tanany ny fikororohany mba hanadiovana ny famoloany**

Io sarin-teny io dia mapitaha, ny fomba hanasarahan'i Kristy ny olo-marina amin'ny olona tsy marina, amin'ny fomba fanasarahan'ny olona ny vary amin'ny akofa. DH: "Kristy dia tahaka ny olona iray izay efa eo an-tanany fikororohany"

**eny an-tanany ny fikororohany**

Eto ny hoe "eny an-tanany" dia midika fa efa vonona ny hiasa ilay olona. DH: "Mitazona fikororohana i Kristy satria efa vonona izy"

**fikororohana**

Fitaovana fanatontonana vary mba hampisarahana ny vary amin'ny akofa izany. Rehefa mavesatra ny fitontontan'ny vary dia hoentiny ny rivotra ny akofa izay tsy ilaina. Toy ny angady izy saingy misy nifiny izay vita amin'ny hazo.

**mba hanadiovana ny famoloany**

Tahaka ny lehilahy miaraka amina fikororohana izay vonona ny hanadio ny famoloany i Kristy.

**ny famoloany**

"ny taniny" na "ny tany izay hanasarahany ny vary amin'ny akofa"

**hanangonana ny variny any an-tsompitra ... handoro ireo akofa amin'ny afo izay tsy mety maty**

Io dia sarin-teny mampiseho hoe ahoana no hanasarahan'Andriamanitra ireo olo-marina amin'ny olon-dratsy. Ireo marina dia ho any an-danitra tahaka ny vary izay ho any amin'ny fitehirizam-bokatry ny tantsaha iray, ary ho doran'Andriamanitra amin'ny afo tsy mety maty ireo olona tahaka ny akofa.

**tsy mety maty**

Azo atao hoe DH: "tsy ho faty mandrakizay"

**Matthew 3:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana nanaovan'i Jaona Mpanao Batisa batisa an'i Jesosy ny tantara.

**ho ataon'i Jaona batisa**

Azo atao hoe DH: "mba hahafahan'i Jaona manao batisa Azy"

**Izaho no mila ataonao batisa, nefa ianao indray va no manatona ahy?**

Mampiasa fanontaniana i Jaona mba hampisehoany ny fahagagany manoloana ny fangatahan'i Jesosy.

DH: "Lehibe noho izaho ianao. Tsy tokony hanao batisa anao aho. Ianao no tokony hanao batisa ahy.

**amintsika**

Eto ny hoe "-tsika" dia maneho an'i Jesosy sy Jaona.

**Matthew 3:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Io no fiakaran'ny fizaran-tantara momba an'i Jaona Mpanao Batisa ary mamaritra izay nitranga taorian'ny nanaovany batisa an'i Jesosy.

**Nony vita batisa Izy**

Azo atao hoe. DH: "Taorian'ny nanaovan'i Jaona batisa an'i Jesosy"

**indro**

Ny teny hoe "indro" eto dia manaitra antsika mba ho liana tsara amin'ny tranga mahatalanjona manaraka izany.

**nisokatra taminy ny lanitra**

Azo atao hoe DH: "Nahita ny lanitra nisokatra i Jesosy" na "Nosokafan'Andriamanitra ho an'i Jesosy ny lanitra"

**nidina toy ny voromailala**

Ny mety ho dikany dia izao: 1) filazana tsotra hoe nanana endrika voromailala ny Fanahy Masina izany na 2) fomba fampitahana izay mapitaha ny Fanahy midina moramora eo amin'i Jesosy, amin'ny fomba fanaon'ny voromailala.

**nisy feo avy any an-danitra nanao hoe**

"nandre feo avy any an-danitra i Jesosy." Eto ny hoe "feo" dia ilazana an'Andriamanitra miteny. DH: "Andriamanitra niteny avy any an-danitra" (UDB)

**Zanako**

Fiantsoana tena manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra io.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Avy eo Jesosy notarihan'ny Fanahy ho any an'efitra mba halain'ny devoly fanahy. <sup>2</sup> Rehefa avy nifady hanina efapolo andro sy efapolo alina izy, dia noana. <sup>3</sup> Nanatona ny mpaka fanahy ka niteny taminy hoe: "Raha Zanak'Andriamanitra Ianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto." <sup>4</sup> Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Voasoratra hoe: 'Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona fa izay teny rehetra aloaky ny vavan'Andriamanitra.'" <sup>5</sup> Avy eo ny devoly nitondra azy tany amin'ny tanàna masina ka nametraka azy teo amin'ny faratampon'ny tempoly, <sup>6</sup> ary niteny taminy hoe: "Raha Zanak'Andriamanitra ianao, dia mianjerà any ambany any, fa voasoratra hoe: 'Izy handidy ireo anjeliny hiahy anao' sy 'hanandratra Anao eo amin'ny tanan'izy ireo, ka tsy ho tafintohina amin'ny vato ny tongotra.'" <sup>7</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Dia mbola voasoratra indray hoe: 'Tsy tokony hitsapa ny Tompo Andriamanitrao Ianao.'" <sup>8</sup> Noentin'ny devoly hankany amin'ny toerana avo indray Izy ary nampiseho azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao sy ny hatsaran'ireo. <sup>9</sup> Hoy izy taminy hoe: "Ireo rehetra ireo dia homeko anao, raha toa ka miankohoka eto anatrehako sy midera ahy ianao." <sup>10</sup> Avy eo Jesosy niteny taminy hoe: "Mialà eto ianao, ry Satana! Fa efa voasoratra hoe: 'Ianao dia hidera ny Tompo Andriamanitrao, ary izy irery ihany no ho tompoinao.'" <sup>11</sup> Avy eo nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy. <sup>12</sup> Ary nony ren'i Jesosy fa voasambotra Jaona, dia niverina nakany Galilia izy. <sup>13</sup> Nandao an'i Nazareta izy ka nandeha ary nonina tao Kapernaomy, izay eo amoron-dranomasin'ny Galilia, ao amin'ny zara-tanin'i Zebolona sy Naftaly. <sup>14</sup> Izany no nitranga mba hahatanteraka izay nambaran'Isaia mpaminany hoe: <sup>15</sup> "Ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly, mankany amin'ny ranomasina, any an-dafin'i Jordana, Galilia an'ireo Jentilisa!" <sup>16</sup> Ireo olona nipetraka tamin'ny maizina dia nahita fahazavana lehibe, ary ireo izay nipetraka tamin'ny faritra sy ny aloky ny fahafatesana, dia teo amin'izy ireo no niposahan'ny fahazavana." <sup>17</sup> Ary tamin'izany fotoana izany Jesosy dia nanomboka nitory teny sy nilaza hoe: "Mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra." <sup>18</sup> Raha nandeha teny amoron'ny Ranomasin'i Galilia Izy, dia nahita mpirahalalahy roa, Simona izay nantsoina hoe Petera, ary Andrea rahalahiny, nanipy ny haratony teny amin'ny ranomasina, fa mpanarato izy ireo. <sup>19</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Andeha, hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo." <sup>20</sup> Teo no eo ihany dia nandao ireo harato izy ireo ka nanaraka Azy. <sup>21</sup> Ary raha mbola nandroso Jesosy dia nahita mpirahalalahy roa hafa, Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny. Nanamboatra ny haratony tao an-tsambo izy ireo niaraka tamin'i Zebedio rain'izy ireo. Niantso azy ireo izy, <sup>22</sup> ka teo no eo ihany dia nandao ny sambokeliny sy ny rainy izy ireo ka nanaraka Azy. <sup>23</sup> Nandeha eran'i Galilia Jesosy, nampianatra tao amin'ny synagogan'izy ireo, nitory ny filazantsaran'ny fanjakana, ary nanasitrana ireo karazan'aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra teo amin'ny olona. <sup>24</sup> Niely eran'i Syria ny vaovao mahakasika Azy, ka dia nentin'ny olona teo Aminy ireo izay marary rehetra, mararin'ny karazan'aretina sy fangirifiriana, ireo demoniaka, sy izay mararin'ny androbe sy mararin'ny paralysisa. Nositratin'i Jesosy izy ireny. <sup>25</sup> Vahoaka maro avy tany Galilia, Dekapolis, Jerosalema, Jodia ary ny avy any an-dafin'i Jordana no nanaraka Azy.

### Matthew 4:1

#### Famahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny mpanoratra dia manomboka fizaran-tantara vaovao izay nitoeran'i Jesosy 40 andro tany an'efitra, ka nakan'i Satana fanahy Azy tany. Ao amin'ny andininy faha 4, Jesosy dia miteny mafy an'i Satana tamin'ny alalan'ny teny avy ao amin'ny Deuteronomia.

#### Jesosy notarihan'ny Fanahy

Azo atao hoe DH: "notarihan'ny Fanahy i Jesosy"

#### mba halain'ny devoly fanahy

Azo atao hoe DH: "mba hahafahan'ny devoly maka fanahy an'i Jesosy."

#### devoly ... ny mpaka fanahy

Ilazana olona roa mitovy ihany io. Mety mila mampiasa ny teny iray ihany ianao mba handikana azy roa.

#### nifady hanina ... noana (Izy)

Maneho an'i Jesosy io.

#### efapolo andro sy efapolo alina

"40 andro sy 40 alina." Io dia maneho fe-potoan'ny 24 ora. "40 andro"

#### Raha Zanak'Andriamanitra Ianao, dia teneno

Tsara ny milaza fa fantar'i Satana fa zanak'Andriamanitra i Jesosy. Ireo mety ho dikany dia izao: 1) fakana fanahy hanao fahagagana ho an'ny tombotsoan'i Jesosy ihany io. DH: "Zanak'Andriamanitra Ianao, noho izany dia afaka mandidy" na 2) fiantsiana na fiampangana io. DH:

"Porofoy amin'ny fandidianao fa Ianao no Zanak'Andriamanitra"

#### **Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

#### **Ilay Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'i Jesosy io.

#### **teneno ho tonga mofo ireto vato ireto**

Afaka adikanao amin'ny fiteny mivantana io. DH: "lazao amin'ireo vato ireo hoe: 'miovà ho mofo!'"

#### **mofo**

Eto ny hoe "mofo" dia ilazana ny sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "sakafo"

#### **Voasoratra hoe**

Azo atao hoe DH: "Nosoratan'i Mosesy hatry ny ela izao soratra masina izao"

#### **Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona**

Misy hevitra ambadika izany fa misy zavatra manan-danja kokoa noho ny hanina eo amin'ny fiainana.

#### **fa izay teny rehetra aloaky ny vavan'Andriamanitra**

Eto ny hoe "teny" sy "vava" dia ilazana izay ambaran'Andriamanitra. DH: "fa amin'ny fihainoana izay rehetra ambaran'Andriamanitra"

#### **Matthew 4:5**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 6, Satana dia milaza ny teny avy ao amin'ny Salamo mba hakana fanahy an'i Jesosy.

#### **Raha Zanak'Andriamanitra ianao, dia mianjerà any ambany any**

Tsara ny milaza fa fantatr'i Satana hoe Zanak'Andriamanitra i Jesosy. Ireo mety ho dikany dia izao 1) fakàna fanahy hanao fahagagana ho an'ny tombotsoan'i Jesosy ihany io. DH: "satria tena Zanak'Andriamanitra tokoa Ianao, dia afaka mampianjera ny tenanao any ambany any" na 2) fiantsiana na fiampangana izany. DH: "Porofoy amin'ny fampianjerana ny tenanao any ambany any fa Ianao tokoa no Zanak'Andriamanitra" (UDB)

#### **Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

#### **mianjerà any ambany any**

"aoka hianjera amin'ny tany ny tenanao" na "Milatsaha any ambany"

#### **fa voasoratra hoe**

Azo atao hoe DH: "fa nosoratan'ny mpanoratra tao amin'ny soratra masina hoe" na "fa voalazan'ny soratra masina hoe"

#### **Izy handidy ireo anjeliny hiahy anao**

"Andriamanitra handidy ireo anjeliny hiahy Anao." DH: "Andriamanitra hiteny amin'ireo anjeliny hoe: "karakarao Izy"

#### **hanandratra Anao ... izy ireo**

"Hihazona anao ireo anjely"

#### **Matthew 4:7**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 7, miteny mafy an'i Satana amin'ny alalan'ny teny hafa avy ao amin'ny Deuteronomia i Jesosy.

#### **Dia mbola voasoratra indray hoe**

Fantatra fa manambara ny tenin'ny Soratra Masina indray i Jesosy. Azo adika hoe DH: "Dia mbola, hanambara aminao izay nosoratan'i Mosesy ao amin'ny Soratra Masina indray Aho"

#### **Tsy tokony hitsapa ... ianao**

Eto ny hoe "ianaos" dia manondro an'iza na iza. DH: "Tsy misy tokony hitsapa" na "Tsy misy olona tokony hitsapa"

#### **Noentin'ny devoly ... indray**

"Avy eo, ny devoly dia"

#### **Hoy izy taminy hoe**

"Ny devoly niteny tamin'i Jesosy hoe"

#### **Ireo rehetra ireo dia homeko anao**

"Homeko anao ireo zavatra rehetra ireo." Manindry mafy eto ny mpaka fanahy fa homeny "ireo zavatra rehetra ireo," fa tsy ny sasantsasany amin'ireo ihany.

#### **Matthew 4:10**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ito no fiakaran'ny fizaran'ny tantara momba ny nakan'i Satana fanahy an'i Jesosy.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 10, Jesosy dia miteny mafy an'i Satana amin'ny alalan'ny teny iray hafa avy ao amin'ny Deuteronomia.

#### **Fa efa voasoratra hoe**

Azo atao hoe DH: "Fa voasoratr'i Mosesy ao amin'ny Soratra Masina koa"

#### **Ianao dia**

Eto ny hoe "ianaos" dia manondro an'iza na iza.

**indreo**

Ny teny hoe "indreo" eto dia manaitra antsika mba ho liana tsara ny amin'ny zavatra mana-danja manaraka izany.

**Matthew 4:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Io no fanombohan'ny fizaran-tantara vaovao izay hamaritan'ny mpanoratra ny fiandohan'ny asa fanompoan'i Jesosy tao Galilia. Ireo andininy ireo dia manazava ny nankanesan'i Jesosy tany Galilia.

**Ary**

Ampiasaina io teny io eto hanamarika fiatona kely eo amin'ny fandehan'ny tantara. Eto i Matio dia manomboka milaza ny fizaran-tantara vaovao.

**voasambotra i Jaona**

Azo adika hoe DH: "nosamborin'ny mpanjaka i Jaona"

**ao amin'ny zara-tanin'i Zebolona sy Naftaly**

Ireo no anaran'ny ireo foko nonina tao amin'ireo faritra ireo talohan'ny nakan'ireo teratany vahiny ny tanin'Israely taona maro talohan'izany.

**Matthew 4:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 15 sy 16, ny mpanoratra dia manambara ny tenin'Isaia mpaminany mba hampisehoana fa ny asa fanompoan'i Jesosy tao Galilia dia fahatanterahan'ny faminanianana.

**Izany no nitranga**

Maneho an'i Jesosy handeha hipetraka any Kaperinaomy izany.

**izay nambara**

Azo atao hoe DH: "izay nambaran'Andriamanitra"

**Ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly ... Galilia an'ireo Jentilisa!**

Ireo faritany rehetra ireo dia mamaritra ny toerana mitovy ihany. Azo adika amin'ny fehezanteny feno io. DH: "Ao amin'ny faritanin'ny Zebolona sy Naftaly ... misy Jentilisa maro mipetraka ao amin'ny faritanin'ny Galilia!"

**mankany amin'ny ranomasina**

Ny ranomasin'i Galilia io.

**Ireo olona nipetraka tamin'ny maizina dia nahita fahazavana lehibe**

Eto ny hoe "maizina" dia fahamaizinana ara-moraly na fahotana, izay mampisaraka ny olona amin'Andriamanitra. Ary, ny "fahazavana" dia maneho ny hafatra marin'Andriamanitra izay mamonjy ny olona amin'ny fahotan'izy ireo. Kisarisarin'ireo olona tsy nanana fanantenana saingy ankehitriny dia manana fanantenana avy amin'Andriamanitra izany.

**ireo izay nipetraka tamin'ny faritra sy ny aloky ny fahafatesana, dia teo amin'izy ireo no nipoahan'ny fahazavana**

Io dia manana hevitra mitovy amin'ny tapany voalohan'ny fehezanteny. Eto ny hoe "faritra sy aloky ny fahafatesana" dia maneho ny fahafatesana ara-panahy na ny fisarahana amin'Andriamanitra.

**Matthew 4:17****Mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra**

Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia maneho an'Andriamanitra manapaka toy ny mpanjaka. Ao amin'ny bokin'ny Matio ihany io fehezanteny io. Raha zao atao, ampiasao ny teny hoe "lanitra" ao amin'ny dikan-teninao. DH: "hiseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika any andanitra." Izahao hoe ahoana no nadikanao an'io tao amin'ny toko 1:3.

**Matthew 4:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Io no manomboka ny tantara vaovao ao amin'ny fizaran-tantara momba ny asa faonmpoan'i Jesosy. Eto Izy dia manomboka manangona lehilahy ho mpianany.

**nanipy harato tao an-dranomasina**

Ny hevitra fenon'ity teny ity dia azo atao mazava tsara. DH: "nanipy harato tao anaty rano mba hisaka trondro"

**Avia, manaraha Ahy**

Manasa an'i Simona sy Andrea hanaraka, hiara-hiaina aminy, ary ho mpianany i Jesosy. DH: "tongava ho mpianatro"

**hataoko mpanarato olona ianareo**

Io sarin-teny io dia midika fa i Simona sy Andrea dia hampianatra ny olona ny hafatra marin'Andriamanitra. DH: "Hampianatra anareo hanangona olona ho aty amiko tahaka ny hanangonanareo trondro Aho"

**Matthew 4:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Miantso lehilahy maro kokoa ho mpianany i Jesosy.

**Niantso azy ireo Izy**

"Niantso an'i Jaona sy Jakoba i Jesosy." Io fehezanteny io dia midika fa nanasa azy ireo hanaraka Azy, hiara-belona aminy, ary ho tonga mpianany ihany koa i Jesosy.

**teo noho eo**

"tamin'izany fotoana izany"

**nandao ny sambokeliny ... ka nanaraka Azy**

Tokony ho mazava tsara fa fiovam-piainana izany. Tsy ho mpanarato intsony ireo lehilahy ireo ary

hamela ny resaka fianakaviana any mba hanaraka an'i Jesosy mandritra ny andro-pianan'izy ireo sisa.

### **Matthew 4:23**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no fiakaran'ny fizaran-tantara momba ny fiandohan'ny asa fanompoan'i Jesosy. Ireto andininy ireto dia mamehy ireo zavatra nataony sy ny nasetrin'ny olona izany.

#### **nampianatra tao amin'ny synagogan'izy ireo**

"nampianatra tao amin'ny synagogan'ireo Galiliana" na "nampianatra tao amin'ny synagogan'ireo olona ireo"

#### **nitory ny filazantsaran'ny fanjakana**

Eto ny hoe "fanjakana" dia ilazana ny fanjakan'Andriamanitra toy ny mpanjaka. DH: "nitory ny vaovao mahafaly momba ny hisehoan'Andriamanitra ho mpanjaka"

#### **ireo karazan'aretina rehetra mbamin'ny rofy**

Ny teny hoe "aretina" sy "rofy" dia somary mifanakaiky saingy tokony ho adika ho teny roa

samihafa raha azo atao. "Aretina" no mahatonga ny olona iray harary.

#### **rofy**

fahalemena ara-batana na otrik'aretina izay miafara amin'ny aretina.

#### **ireo demoniaka**

Azo atao hoe DH: "ilay voafatotry ny demonia" na "ireo izay fehezin'ny demonia"

#### **mararin'ny androbe**

"ireo izay mihetsika androbe" na "ireo manana aretina izay mahatonga azy ireo hihetsika androbe"

#### **mararin'ny paralysisa**

"ireo izay tsy afa-nandeha"

#### **Dekapolisy**

Io anarana io dia midika hoe "ireo Tanàna folo" (UDB). Io no anaran'ny faritra atsimo-antsinan'ny ranomasin'i Galilia.



## Chapter 5

<sup>1</sup> Rehefa nahita ireo vahoaka Jesosy, dia niakatra teo an-tendrombohitra. Rehefa tafapetraka Izy, dia nanatona Azy ireo mpianany. <sup>2</sup> Nanokatra ny vavany Izy ary nampianatra azy ireo, manao hoe: <sup>3</sup> "Sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra. <sup>4</sup> Sambatra ireo misaona, fa hampiononina izy ireo. <sup>5</sup> Sambatra ireo malemy fanahy, fa izy ireo no handova ny tany. <sup>6</sup> Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa ho vokisana izy ireo. <sup>7</sup> Sambatra ireo mpamindra fo, fa hahazo famindram-po izy ireo. <sup>8</sup> Sambatra ireo madio am-po, fa hahita an'Andriamanitra izy ireo. <sup>9</sup> Sambatra ireo mpampihavana, fa izy ireo no antsoina hoe zanak'Andriamanitra. <sup>10</sup> Sambatra ireo izay enjehina nohon'ny fahamarinana, fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra. <sup>11</sup> Sambatra ianareo raha maniratsira anareo sy manenjika anareo ny olona, ary miteny ny karazana lainga ratsy rehetra hanohitra anareo nohon'ny amiko. <sup>12</sup> Mifalia sy miravoravoa, fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra. Fa toy izany ny fomba nanenjehan'ny olona ireo mpaminany izay niaina talohanareo. <sup>13</sup> Ianareo no siran'ny tany. Fa raha ny sira no tonga matsatso, amin'ny fomba ahoana no ampasira izany indray? Tsy ho tsara na amin'ny inona na amin'ny inona intsony izany fa hariana sy ho hitsahin'ny tongotry ny olona sisa. <sup>14</sup> Ianareo no fahazavan'izao tontonlo izao. Ny tanàna miorina eo amin'ny havoana dia tsy azo hafenina intsony. <sup>15</sup> Tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka izany any ambany harona, fa eo amin'ny fitoeran-jiro, ka manazava ny rehetra ao an-trano izany. <sup>16</sup> Aoka hazava eo anoloan'ny olona toy izany fomba izany ny fahazavanareo mba ahitan'izy ireo ny asa tsara ataonareo ary ankalazany ny Rainareo izay any an-danitra. <sup>17</sup> Aza mieritreritra hoe tonga handrava ny lalàna na ireo mpaminany Aho. Tsy tonga hamotika ireo Aho, fa hanatanteraka azy ireo. <sup>18</sup> Fa lazaiko marina aminareo fa mandra-pahalevon'ny lanitra sy ny tany, dia tsy ho foana amin'ny lalàna na dia litera iray sy tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra. <sup>19</sup> Noho izany na iza na iza mandika na dia ny kely indrindra amin'ireo didy ireo sy mampianatra ny hafa anao toy izany dia ho antsoina hoe kely indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Fa na iza na iza mankatoka sy mampianatra ireo dia ho antsoina hoe lehibe ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. <sup>20</sup> Fa lazaiko aminareo fa raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo. <sup>21</sup> Efa renareo fa voalaza tamin'izy ireo fahiny hoe: 'Aza mamono olona,' ary 'Na iza na iza mamono olona dia ho helohina any amin'ny fitsarana.' <sup>22</sup> Fa lazaiko aminareo fa izay rehetra tezitra amin'ny rahalahiny dia mendrika ny ho helohina any amin'ny fitsarana; ary na iza na iza miteny ny rahalahiny hoe: 'Ianao dia olom-poana!' dia ho helohina any amin'ny filan-kevitra; ary na iza na iza milaza hoe: 'Adala ianao!' dia mendrika ny ho any amin'ny farihy mirehitra afo. <sup>23</sup> Noho izany raha manolotra ny fanatitrao eo amin'ny alitara ianao ka tsaroanao teo fa manana alahelo aminao ny rahalahinao, <sup>24</sup> dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana zory ny lalanao. Mihavàna aloha amin'ny rahalahinao, ary avy eo miverena dia atolory ny fanatitrao. <sup>25</sup> Mihavàna faingana amin'ny mpiampanga anao raha mbola miara-dia aminy any amin'ny fitsarana ianao, fandrao ny mpiampanga anao hanolotra anao amin'ny mpitsara, ary ny mpitsara mety hanolotra anao amin'ny manam-boninahitra, ka hatao ao an-trano maizina ianao. <sup>26</sup> Lazaiko marina aminareo, fa tsy ho afaka mivoaka ao mihintsy ianao mandra-pandohananao ny vola faran'ny kely indrindra amin'ny trosanao. <sup>27</sup> Efa renareo fa voalaza hoe: 'Aza mijangajanga.' <sup>28</sup> Kanefa lazaiko aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy ka maniry azy dia efa nijangajanga tao am-pony sahady. <sup>29</sup> Raha manafintohina anao ny masonao ankavanana, dia esory izany ary atsipazo lavitra anao. Fa tsara kokoa ho anao raha ny ampahany iray amin'ny vatanao no tokony ho simbaina fa tsy ny tenanao rehetra no atsipy any amin'ny helo. <sup>30</sup> Raha manafintohina anao ny tananao ankavanana, dia tapaho ary atsipazo lavitra hiala aminao. Fa tsara kokoa ho anao raha ny ampahany iray amin'ny vatanao no tokony ho very fa tsy ny tenanao rehetra no atsipy any amin'ny helo. <sup>31</sup> Ary efa voalaza ihany koa hoe: 'Na iza na iza misaraka amin'ny vadiny, dia aoka izy hanome azy ny taratasy fisaraham-panambadiana.' <sup>32</sup> Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nohon'ny fijangajangana, dia mampijangajanga azy. Na iza na iza manambady azy aorian'ny fisarahany dia mijangajanga. <sup>33</sup> Ary koa, renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: 'Aza mianiana fianianana diso, fa ento eo anatrehan'ny Tompo ny fianiananao.' <sup>34</sup> Fa Izaho kosa milaza aminareo, aza mianiana amin'ny zavatra rehetra, na amin'ny lanitra aza, fa seza fiandrianan'Andriamanitra izany; <sup>35</sup> na amin'ny tany, fa fitoeran-tongony izany; na koa amin'ny Jerosalema, fa tanànan'ny mpanjaka lehibe izany. <sup>36</sup> Aza mianiana amin'ny lohanao, fa tsy afaka manafotsy na manamainty ny singam-bolo iray ianao. <sup>37</sup> Fa aoka ny teninao ho, 'Eny, eny,' na 'Tsia, tsia.' Izay mihoatra izany dia avy amin'ny ilay ratsy. <sup>38</sup> Renareo fa voalaza hoe: 'Maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify.' <sup>39</sup> Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe, aza manohitra izay ratsy. Fa kosa, na iza na iza mamely ny takolakao ankavanana dia atolory azy koa ny ilany. <sup>40</sup> Ary raha misy olona maniry ny hiaraka

aminao ho any amin'ny fitsarana ka manendaka ny akanjonao, dia avelao ho azy ihany koa ny lambanao.

<sup>41</sup> Na iza na iza manery anao andeha kilometatra iray, mandehana miaraka aminy amin'ny kilometatra roa. <sup>42</sup> Omeo izay mangataka amina, ary aza mandà na iza na iza maniry ny hindrana amina. <sup>43</sup> Efa renareo fa voalaza hoe: 'Tsy maintsy mitia ny mpiara-belona amina ianao ary mankahala ny fahavalonao.' <sup>44</sup> Fa lazaiko aminareo, tiavo ny fahavalonareo ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, <sup>[1]</sup><sup>45</sup> mba ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo. Fa Izy dia mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy sy ny tsara, ary mampilatsaka ny orana amin'ny marina sy ny tsy marina. <sup>46</sup> Fa raha ireo izay tia anareo no tiavinareo, inona no valisoa azonareo? Moa na dia ny mpamory hetra aza tsy mba manao tahaka izany koa? <sup>47</sup> Raha ny rahalahinareo irery ihany no arahabainareo, inona no mba ataonareo mihoatra ny hafa? Moa na dia ny Jentilisa aza tsy mba manao tahaka izany koa? <sup>48</sup> Noho izany dia tsy maintsy tanteraka ianareo, tahaka ny fahatanterahan'ny Rainareo izay any an-danitra.

## Footnotes

5:44 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Misaora ireo izay manozona anareo, manaova ny tsara amin'ireo izay mankahala anareo."

## Matthew 5:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay hanombohan'i Jesosy mampianatra ireo mpianany. Ity fizarana ity dia mitohy hatrany amin'ny faran'ny toko faha 7 ary antsoina matetika hoe ilay Toriteny teo An-tendrombohitra.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ao amin'ny andininy faha 3, dia manomboka mamaritra ny toetoetry ny olona sambatra i Jesosy.

### Nanokatra ny vavany Izy

Fomba fiteny io. DH: "Nanomboka niteny i Jesosy"

### mampianatra azy ireo

Ny teny hoe "izy ireo" dia ilazana ireo mpianany.

### mahantra am-panahy

Io dia midika hoe olona izay manetri-tena. DH: "ireo izay mahalala fa mila an'Andriamanitra izy ireo"

### azy ireo ny fanjakan'ny lanitra

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana an'Andriamanitra manapaka toy ny mpanjaka. Io fehezanteny io dia ao amin'ny bokin'ny Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny dikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "fa ho mpanjakan'izy ireo Andriamanitra any an-danitra "

### Sambatra ireo misaona

Ny mety ho antony mampalahelo azy ireo dia 1) ny toetra feno otan'izao tontolo izao na 2) ny fahafatesan'ny olona iray. Aza asongadina ny antony hisaonana raha tsy mitaky izany ny fiteninanao.

### hampiononina izy ireo

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra hampionona azy ireo"

## Matthew 5:5

### malemy fanahy

"Ireo tsara fanahy" na "ireo izay tsy miankina amin'ny heriny manokana"

### izy ireo no handova ny tany

"homen'Andriamanitra azy ireo ny tany manontolo"

### noana sy mangetaheta ny fahamarinana

Io sarin-teny io dia midika fa tokony haniry ny hanao ny tsara ny olona iray. DH: "maniry ny hiaina marina toy ny faniriany hanina sy zava-pisotro"

### ho vokisana izy ireo

Azo atao hoe DH: "ho vokisan'Andriamanitra izy ireo" na "hataon'Andriamanitra afa-po izy ireo"

### madio am-po

"olona izay madio ny fony." Eto ny hoe "fo" dia ilazana ny fanirian'ny olona iray. DH: "ireo izay te hanompo an'Andriamanitra ihany"

### hahita an'Andriamanitra izy ireo

Eto ny hoe "hahita" dia midika fa ho afaka ny ho velona eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra izy ireo. DH: "Andriamanitra hamela azy ireo hiara-belona Aminy"

## Matthew 5:9

### ireo mpampihavana

Ireo no olona manampy ireo hafa mba hihavana.

### fa izy ireo no antsoina hoe zanak'Andriamanitra

Azo atao hoe DH: "fa ho antsoin'Andriamanitra hoe zanany izy ireo" na "fa ho zanak'Andriamanitra izy ireo"

**zanak'Andriamanitra**

Ny tsara indrindra dia ny mandika ny hoe "zanaka" amin'ny teny izay mahalaza ny hoe zanak'olombelona amin'ny fiteninanao.

**ireo izay enjehina**

Azo atao hoe DH: "ireo olona izay hoentiny ny olona amin'ny tsy rariny"

**nohon'ny fahamarinana**

"satria izy ireo dia manao izy tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo"

**azy ireo ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ao amin'ny bokin'i Matio ihany io fehezanteny io. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "fa ho mpanjakan'izy ireo ny Ray any an-danitra." Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny andininy faha 5:1.

**Matthew 5:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny famaritan'i Jesosy ny toetoetry ny olona sambatra.

**ianareo**

Ny teny hoe "ianareo" dia ilazana fahamaroana.

**miteny ny karazana lainga ratsy rehetra hanohitra anareo nohon'ny amiko**

"miteny ny karazana lainga ratsy rehetra momba anareo nohon'ny amiko" na "milaza zavatra ratsy izay tsy marina momba anareo"

**nohon'ny amiko**

"satria manaraka Ahy ianareo" na "satria mino Ahy ianareo"

**Mifalia sy miravoravoa**

Ny hoe "Mifalia" sy "miravoravoa" dia saika mitovy dika. Tsy tian'i Jesosy hifaly fotsiny ihany ireo mpiaino Azy fa tokony hanao mihoatra noho ny mifaly raha azo atao.

**Matthew 5:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mampianatra momba ny fitovian'ireo mpianany amin'ny sira sy fahazavana i Jesosy.

**Ianareo no siran'ny tany**

Ireo mety ho dikany dia 1) toy ny sira izay mahatsara ny sakafo, ny mpianatr'i Jesosy koa dia tsy maintsy misintona ny olona mba ho tsara izy ireo. DH: "Ianareo dia tahaka ny sira ho an'ny olon'izao tontolo izao" na 2) toy ny sira izay mitahiry ny sakafo, ny mpianatr'i Jesosy dia tsy maintsy miaro ny olona mba tsy ho simba toetra tanteraka. DH: "Tahaka ny sira ho an'ny sakafo, ianareo dia ho an'izao tontolo izao"

**raha ny sira no tonga matsatso**

Ireo mety ho dikany dia 1) "raha lany ny hery hanaovan'ny sira ny asany" (UDB) na 2) "raha lany tsiro ny sira."

**ahoana no ampasira izany indray?**

"ahoana no hahatonga azy ho ilaina indray?" Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany. DH: "tsy misy fomba hahatonga izany hisy ilàna azy indray"

**fa hariana sy ho hitsahin'ny tongotry ny olona sisa**

Azo atao hoe DH: "raha tsy hoe harian'olona eny an-dalana ka hitsahiny."

**Ianareo no fahazavan'izao tontonlo izao**

Midika izany fa ireo mpanaradia an'i Jesosy dia nitondra ny hafatra momba fahamarinan'Andriamanitra ho an'ny olona rehetra izay tsy mahalala ny Tompo." DH: "Ianareo dia toy ny fahazavana ho an'ny olon'izao tontolo izao"

**Ny tanàna miorina eo amin'ny havoana dia tsy azo hafanina**

Amin'ny alina rehefa maizina, dia afaka mahita ny jiron'ny tanàna mampiratra ny olona. Azo atao hoe DH: "Mandritra ny alina, dia tsy misy afaka manafina ireo jiro izay mirehitra avy eny amin'ny tanàna eny an-tendrombohitra.

**Matthew 5:15****Tsy misy olona mandrehitra jiro**

"Ny olona dia tsy mandrehitra jiro"

**mametraka izany any ambany harona**

"mametraka ilay jiro any ambanin'ny harona." Milaza izany fa fahadalana ny manao jiro mba hanafina izany fotsiny ka tsy ho hitan'ny olona ny fahazavan'ny jiro.

**Aoka hazava eo anoloan'ny olona ... ny fahazavanareo**

Midika izany fa tokony haina amin'ny fomba tahaka izany ireo mpianatr'i Jesosy mba hianaran'ny hafa momba ny fahamarinan'Andriamanitra. DH: "Aoka ny fiainanareo ho tahaka ny jiro izay mazava manoloana ny olona"

**ny Rainareo izay any an-danitra**

Ny tsara indrindra dia ny mandika ny hoe "Ray" amin'ny teny izay mahalaza amin'ny fomba tsotra ny hoe ray (olombelona) amin'ny fiteninanao manokana.

**Matthew 5:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manomboka mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy.

**ireo mpaminany**

Maneho izay nosoratan'ireo mpaminany ao amin'ny soratra masina io.

**lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**mandra-pahalevon'ny lanitra sy ny tany**

Eto ny hoe "lanitra" sy "tany" dia ilazana an'izao tontolo izao. DH: "raha mbola maharitra koa izao tontolo izao"

**na dia litera iray sy tendron-tsoratra iray**

"na dia ny soratra kely indrindra izay voasoratra na ampahany kely indrindra amin'ny lahatsoratra." Io dia sarin-teny maneho zavatra iray ao amin'ny soratra masina izay mety ho ohatran'ny tsy dia manan-danja. DH: "na dia ireo lalàna izay toa tsy dia manan-danja aza"

**mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra**

Azo adika hoe DH: "mandra-pitrangan'ny zavatra rehetra" na "Andriamanitra no mahatonga ny zavatra rehetra hitranga"

**ny zavatra rehetra**

Ny fehezanteny hoe "ny zavatra rehetra" dia maneho ny zavatra rehetra ao amin'ny lalàna. DH: "ny zavatra rehetra ao amin'ny lalàna" na "izay rehetra voasoratra ao amin'ny lalàna"

**Matthew 5:19****iza na iza mandika**

"na iza na iza tsy mankatoa" na "na iza na iza minia tsy mahalala"

**ny kely indrindra amin'ireo didy ireo**

"na inona na inona amin'ireo didy ireo, na dia izay tsy manan-danja indrindra aza"

**mankatoa sy mampianatra ireo**

"mankatoa ireo didy rehetra ireo ary mampianatra ny hafa toy izany"

**lehibe**

"manan-danja indrindra"

**Fa lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io.

**-nareo ... -nareo ... ianareo**

Maneho fahamaroana ireo.

**fa raha tsy mihoatra noho ... ny fahamarinanareo ... tsy hiditra ... mihitsy ianareo**

Azo atao hoe DH: "tsy maintsy mihoatra ... ny fahamarinanareo... mba hidirana"

**Matthew 5:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta taloha i Jesosy. Eto no manomboka milaza momba ny vono olona sy ny fahatezerana Izy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hitranga amin'izy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" ao amin'ny hoe "Efa renareo" sy ny hoe "lazaiko aminareo" dia manondro olona maro. Ny didy hoe "Aza mamono olona" dia manondro olon-tokana, saingy mety ho mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro ianao.

**voalaza tamin'izy ireo fahiny hoe**

Azo atao hoe DH: "Nolazain'Andriamanitra tamin'ny razantsika hatry ny ela"

**Na iza na iza mamono olona dia ho helohina any amin'ny fitsarana**

Eto ny hoe "fitsarana" dia misy hevitra ambadika hoe hisy mpitsara hanameloka ilay olona ho faty. DH: "Hisy mpitsara hanameloka izay rehetra mamono olon-kafa"

**mamono**

Io teny io dia ilazana ny vono olona, fa tsy izay karazana famonoana rehetra.

**Fa lazaiko**

Ny mpisolon-tena tampisaka "-ko" dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manan-danja mitovy amin'ireo didy avy amin'Andriamanitra tany am-boalohany. Miezaha mandika izany amin'ny fomba iray izay mampiseho izany fanamafisana izany.

**rahalahiny**

Ilazana mpiray finoana iray izany, fa tsy rahalahy ara-bakiteny na namana.

**ho helohina any amin'ny fitsarana**

Ohatran'ny tsy manondro mpitsara izay olombelona i Jesosy fa an'Andriamanitra izay manameloka ny olona tezitra amin'ny rahalahiny.

**olom-poana ... Adala**

Fanompana olona izay tsy afaka misaina tsara ireo. Ny hoe "adala" dia mifanakaiky amin'ny hoe "tsy misy saina," ary ny "olom-poana" dia manampy ny hevitra ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra.

**filan-kevitra**

Filan-kevitra teo an-toerana io, fa tsy ilay Synedriona tao Jerosalema.

**Matthew 5:23****ianao**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay i Jesosy. Manondro olona iray ny hoe "ianao" sy "-anao", saingy mety mitaky anao handika izany amin'ny fanondroana olona maro ny fiteninanao.

**manolotra ny fanatitrao**

"manome ny fanatitrao" na "mitondra ny fanatitrao"

**eo amin'ny alitara**

Midika izany fa ny alitaran'Andriamanitra ao amin'ny tempolin'i Jerosalema io. DH: "ho an'Andriamanitra eo amin'ny alitara ao an-tempoly"

**ka tsaroanao teo**

"ary raha mitsanga eo amin'ny alitara iny ianao ka mahatsiaro"

**manana alahelo aminao ny rahalahinao**

"misy olona hafa tezitra aminao nohon'ny zavatra iray nataonao"

**Mihavàna aloha amin'ny rahalahinao**

Azo atao hoe DH: "Mihavàna amin'ilay olona aloha"

**Matthew 5:25****Mihavàna... amin'ny ... anao**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" ao amin'ny hoe "Efa renareo" sy ny hoe "lazaiko aminareo" dia manondro olona maro.

**ny mpiampangana anao**

Olona manameloka olona iray nohon'ny fanaovany zavatra tsy mety io. Entiny any amin'ny fitsarana ilay nanao ny tsy mety mba hampangana azy eo anatrehan'ny mpitsara.

**ny mpitsara mety hanolotra anao amin'ny manam-boninahitra**

Eto ny hoe "hanolotra anao" dia midika hoe manolotra ny olona iray eo amin'ny fanapahan'ny olon-kafa. DH: "ho atolotry ny mpitsara eo amin'ny manam-boninahitra ianao"

**manam-boninahitra**

olona manana fahefana ny handray ny fanapaha-kevity ny mpitsara.

**hatao ao an-trano maizina ianao**

Azo atao hoe DH: "mety halefan'ny manam-boninahitra any am-ponja ianao"

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Io fehezanteny io dia manamafy izay lazain'i Jesosy manaraka.

**mivoaka avy ao**

"mivoaka avy ao an-trano maizina"

**Matthew 5:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mampianatra ny amin'ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Eto dia manomboka miresaka momba ny fijangajangana sy ny fanirian-dratsy Izy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" ao amin'ny hoe "Efa renareo" sy ny hoe "lazaiko aminareo" dia manondro olona maro. Ny didy hoe "Aza mijangajanga" dia manondro olon-tokana, saingy mety ho mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro hoe "ianareo" ianao.

**fa voalaza hoe**

Azo adika hoe DH: "fa voalazan'Andriamanitra hoe"

**Kanefa lazaiko**

Ny mpisolon-tena tampisaka "-ko" dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manandanja mitovy amin'ny didy avy amin'Andriamanitra tany am-bohalohany. Miezaha mandika io fehezanteny io amin'ny fomba izay mampiseho izany fanamafisana izany. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny toko faha 5:21.

**izay rehetra mijery vehivavy ka maniry azy dia efa nijangajanga tao am-pony sahadry**

Io sarin-teny io dia mampiseho fa ny lehilahy iray izay maniry vehivavy dia meloky ny fijangajangana tahaka ny lehilahy iray izay tena nijangajanga.

**tao am-pony**

Eto ny hoe "fo" dia ilazana ny fieritreretana'ny olona iray. DH: "ao an-tsainy" na "any an'eritreriny"

**Matthew 5:29****Raha ... -nao**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "ianao" sy hoe "-nao" dia manondro olon-tokana, saingy mety ho mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro hoe "ianareo" ianao.

**Raha manafintohina anao ny masonao ankavanana**

Eto ny hoe "maso" dia ilazana izay hitan'ny olona iray. Ary ny hoe "tafintohina" dia sarin-teny ilazana ny "fahotana." DH: "raha mahatafintohina anao izay hitanao" na "raha te hanota ianao noho izay hitanao"

**masonao ankavanana ... ny tananao ankavanana**

Ny maso na ny tanana izay manan-danja indrindra no dikan'io. Mety ho mila mandika ny hoe "ankavanana" ho lasa "tsara kokoa" na "matanjaka kokoa" ianao.

**Esory izany**

"esory an-keriny izany" na "poteho izany." Raha tsy voalaza mazava ny hoe maso ankavanana, dia mety mila mandika izany hoe "poteho ny masonao" ianao. Raha voatonona ny hoe maso, dia mety mila mandika izany hoe "poteho ireo" ianao.

**esory izany ... tapaho**

Manao filaza masaka i Jesosy ny amin'ny fomba tokony hasetrin'ny olona iray ny fahotany mba hanindriana fa tena matotra Izy.

**atsipazo lavitra hiala aminao**

"ario izany"

**ny ampahany iray amin'ny vatanao no ho very**

"tokony ny ampahany iray amin'ny vatanao no ho very"

**fa tsy ny tenanao rehetra no atsipy any amin'ny helo**

Azo atao hoe DH: "toy izay hatsipin'Andriamanitra any amin'ny helo ny tenanao rehetra"

**Raha manafintohina anao ny tananao ankavanana**

Ao amin'io hevitra ambadika io, ny tanana dia ilazana ny asan'ny olona iray amin'ny maha-izy azy manontolo.

**Matthew 5:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Eto dia manomboka miresaka momba ny fisaraham-bady Izy.

**voalaza ihany koa hoe**

Andriamanitra no ilay iray izay "nilaza." Mampiasa ny filazana ny lasa i Jesosy eto mba hampazava tsara fa tsy manohitra an'Andriamanitra na ny tenin'Andriamanitra Izy. Fa kosa, milaza Izy fa ny fisaraham-bady dia tokony hisy raha misy antony marina ihany. Ny fisaraham-bady dia mety ho tsy rariny na dia manaiiky ny didy ny hanomezana taratasy fisarahana aza ilay lehilahy.

**aoka izy hanome**

"tsy maintsy manome ... izy"

**Fa Izaho kosa milaza**

Ny hoe "izaho" dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manan-danja mitovy amin'ny didy avy amin'Andriamanitra tany am-boalohany. Ezaho adika amin'ny fomba iray izay mampiseho izany fanamafisana izany io fehezanteny io. Jereo hoe ahoana no nandikanao izany tao amin'ny toko 5:21.

**mampijangajanga azy**

Ny lehilahy izay misaraka amin'ny vadiny tsy amin'ny antony no "mampijangajanga azy." Efa tsy mahagaga amin'ny kolontsaina maro ny miverina manambady, saingy raha tsy amin'ny antony ny

fisarahana, dia fijangajangana ny fiverenana manambady tahaka izany.

**azy aorian'ny fisarahany**

Azo atao hoe DH: "azy aorian'ny nisarahan'ny vadiny taminy" na "ilay vehivavy nisara-bady"

**Matthew 5:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Eto Izy dia manomboka miresaka momba ny voady fianianana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" ao amin'ny hoe "renareo" sy hoe "Izaho milaza aminareo" dia manondro olona maro. Ny hoe "aza mianiana" sy ny hoe "ento" dia manondro olon-tokana.

**Ary koa, renareo**

"Ary koa, renareo" na "Ity misy ohatra hafa. Ianareo"

**renareo fa voalaza ... fianianana diso**

Ataon'i Jesosy mazava eto fa miray hevitra amin'Andriamanitra sy ny teniny Izy. Saingy, miteny amin'ireo mpiaino Azy Izy mba tsy hampiasa izay tsy azy ireo mba hahatonga ny olona hino ny teniny. DH: "nilaza taminareo ny mpitarika fivavahanareo fa Andriamanitra dia niteny hoe... fianianana diso"

**Aza mianiana fianianana diso, fa ento eo ... ny fianiananao**

Ireo mety ho dikany dia 1) aza mianiana amin'ny Tompo fa hanao zavatra ianao kanefa avy eo tsy manao izany, na 2) aza mianinana amin'ny Tompo fa hainao hoe marina ny zavatra iray kanefa fantatrao fa tsy marina.

**Fa Izaho kosa milaza**

Ny hoe "izaho" dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manan-danja mitovy amin'ny didy avy amin'Andriamanitra tany am-boalohany. Ezaho adika amin'ny fomba iray izay mampiseho izany fanamafisana izany io fehezanteny io. Jereo hoe ahoana no nandikanao izany tao amin'ny toko 5:21.

**aza mianiana amin'ny zavatra rehetra ... fa tanànan'ny mpanjaka lehibe**

Eto i Jesosy dia milaza fa tsy tokony hianiana amin'inona na inona ny olona iray. Ohatran'ny hoe nisy nampianatra fa tsy dia manafintohina raha tsy mitazona ny voadiny ny olona iray raha nianiana tamin-javatra hafa ankoatran'Andriamanitra, toy ny fianianana amin'ny lanitra, tany, na Jerosalema. Miteny i Jesosy fa samy ratsy ihany ireo satria an'Andriamanitra avokoa.

**aza mianiana**

Ny hoe "Aza mianiana amina fianianana diso" dia mamela ny mpiaino hianiana saingy mandrara azy hanao fianianana diso. Ny hoe "Aza mianiana akory" dia mandrara ny voady rehetra.

**seza fiandrianan'Andriamanitra izany**

Eto ny hoe "seza fiandrianana" dia maneho an'Andriamanitra manapaka tahaka ny mpanjaka. DH: "avy eto no hanapahan'Andriamanitra"

**fitoeran-tongony izany**

Io sarin-teny io dia midika fa ny tany koa dia an'Andriamanitra. DH: "tahaka ny fitoeran-tongotra izay hametrahana'ny mpanjaka ny tongony izany."

**fa tanànan'ny mpanjaka lehibe izany**

"fa tanàna izay an'Andriamanitra, ilay mpanjaka lehibe izany"

**Matthew 5:36****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Teo aloha teo i Jesosy dia niteny tamin'ireo mpiaino Azy fa ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ny fitoeran-tongony, ary ny fonenany eto an-tany dia tsy azy ireo ka hianianan'izy ireo. Eto dia milaza Izy fa tsy mahazo mianiana na dia amin'ny lohan'izy ireo aza.

**-nao ... ianao**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "iana" sy hoe "-nao" dia manondro olon-tokana, saingy mety ho mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro ianao.

**mianiana**

Ilazana ny fanaovam-boady izany. Jereo hoe ahoana no nandikanao izao ao amin'ny toko faha 5:33.

**aoka ny teninao ho, 'Eny, eny,' na 'Tsia, tsia.'**

"raha 'eny' no tianao ho lazaina, dia ataovy hoe 'eny,' ary raha 'tsia' no tianao ho lazaina, dia ataovy hoe 'tsia'"

**Matthew 5:38****Fampifandraisana nyfoto-kevitra**

Manohy mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Eto Izy dia manomboka miresaka momba ny famaliana faty ny fahavalo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" ao amin'ny hoe "renareo" sy hoe "Izaho milaza aminareo" dia manondro olona maro. Ny fehezanteny "na iza na iza mamely ny takolakao" dia manondro olon-tokana.

**Renareo fa voalaza hoe**

Manaiky an'Andriamanitra sy ny teniny i Jesosy. Fa tsy manaiky ny fomba fampiaran'ireo mpitarika fivavahana ny tenin'Andriamanitra. Azo adika hoe DH: "Nilaza taminareo ny mpitarika fivavahanareo fa Andriamanitra no niteny." Jereo ny nandikanao azy tao amin'ny toko faha 5:33.

**Maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify.**

Namela ny olona iray hamely ny olona iray hafa toy ny namelezany azy ny lalàn'i Mosesy, saingy tsy afaka namely ratsy kokoa.

**Fa Izaho kosa milaza**

Ny hoe "izaho" dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manan-danja mitovy amin'ny didy avy amin'Andriamanitra tany am-boalohany. Ezaho adika amin'ny fomba iray izay mampiseho izany fanamafisana izany io fehezanteny io. Jereo hoe ahoana no nandikanao izany tao amin'ny toko 5:21.

**izay ratsy**

"olon-dratsy" na "olona izay mamely anao" (UDB)

**mamely ny takolakao ankavanana**

Ny famelahana ny tarehin'olona dia fanalam-baraka eo amin'ny kolontsain'i Jesosy. Toy ny maso sy ny tanana, ny takolaka havanana dia zavatra iray manan-danja kokoa, ary ny famelahana izany takolaka izany dia fanalam-baraka mahatsiravina.

**mamely**

"mamelaka." Mamely olona amin'ny felan-tanana misokatra no dikan'izany.

**atolory azy koa ny ilany**

"avelao koa izy hamely ny takolakao ilany"

**Matthew 5:40****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nao" sy "anao" dia manondro olon-tokana. toy izany koa ny ny didy hoe "avelao", "mandehana", "aza mandà," saingy mety mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro ianao.

**akanjonao ... lambanao**

Ny "akanjo" dia hanaovana eo amin'ny vatana toy ny akanjo bà na akanjo mafana. Ny "lamba" izay sarobidy kokoa amin'izy roa, dia hanaovana eo ambonin'ny "akanjo" mba hampafana ary ampiasaina koa hatao bodofotsy manafana amin'ny alina.

**avelao ho azy ihany koa**

"omeo an'izany olona izany koa"

**Na iza na iza**

"Raha misy olona." Misy hevitra ambadika izany fa miaramila Romana izany.

**kilometatra iray**

Hafainganam-pandeha anatin'ny arivo metatra, izay azon'ny miaramila iray hanerena olona iray hitondra zavatra ho azy izany. Azo adika izany hoe "halaviran-dalana."

**miaraka aminy**

Manambara ilay iray izay manery anao handeha io.

**mandehana miaraka aminy amin'ny kilometatra roa.**

"mandehana amin'ny kilometatra izay hanereny anao, dia mandehana kilometatra iray hafa avy eo." Azonao adika io hoe "roa kilometatra" na "halavirana indroa heny"

**ary aza mandà**

"ary aza mandà ny hampindrana." Azo atao koa hoe DH: "ary mampindrana"

**Matthew 5:43****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy mampianatra momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Eto Izy dia manomboka miresaka momba ny fitiavana ny fahavalo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny hoe "tiavo ... mankahalà ny fahavalonao" ihany no manondro olon-tokana, saingy mety mila mandika izany amin'ny teny fanondroana olona maro ianao. Ireo didy hoe "tiavo" na "mivavaha," dia manondro olona maro.

**Efa renareo fa voalaza hoe**

Manaiky an'Andriamanitra sy ny teniny i Jesosy. Fa tsy manaiky ny fomba fampiaran'ireo mpitarika fivavahana ny tenin'Andriamanitra. Azo adika hoe DH: "Nilaza taminareo ny mpitarika fivavahanareo fa Andriamanitra no niteny." Jereo ny nandikanao azy tao amin'ny toka faha 5:33.

**ny mpiara-belona**

Ny teny hoe "mpiara-belona" eto dia ilazana ny mpikambana iray ao amin'ny fiarahamonina na vondron'olona izay irian'ny olona iray na tsy maintsy, hoentina am-pitiavana. Tsy maneho ny olona mpiray vodi-rindrina ihany io. Mety mila mandika an'io amin'ny teny fanondroana olona maro ianao.

**Fa lazaiko**

Ny mpisolo tena tampisaka "-ko" eto dia fanamafisana. Mampiseho izany fa izay lazain'i Jesosy dia manan-danja mitovy amin'ny didy avy amin'Andriamanitra tany am-boalohany. Ezaho adika amin'ny fomba iray izay mampiseho izany fanamafisana izany io fehezanteny io. Jereo hoe ahoana no nandikanao izany tao amin'ny toka 5:21.

**mba ho tonga zanaky ny Rainareo**

Ny tsara indrindra dia ny mandika ny hoe "zanaka" amin'ny teny izay mahalaza amin'ny fomba tsotra ny hoe zanak'olombelona ao amin'ny fitenin'ao.

**Ray**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra io.

**Matthew 5:46****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mamarana ny fampianarana momba ny fahatongavany hanatanteraka ny lalàn'ny Testamenta Taloha i Jesosy. Io fizarana io dia nanomboka tao amin'ny 5:17.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

**arahabainareo**

Fomba fanehoana faniriana ny fahasalaman'ireo mpiaino izany.

**Ray**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra io.



## Chapter 6

<sup>1</sup> Mitandrema mba tsy hanao ny asan'ny fahamarinanareo eo anatrehan'ny olona ianareo mba ho itan'izy ireo, fa raha tsy izany dia tsy hahazo ny valisoa avy amin'ny Rainareo izay any an-danitra. <sup>2</sup> Noho izany rehefa maneho fihantrana ianareo, dia aza mitsoka trompetra misarika ny hafa tahaka ny ataon'ny mpiatsara velatsia any amin'ny synagoga sy eny amin'ny lalana, ka mba mety hahazo ny fideran'ny olona izy ireo. Lazaiko marina aminareo, fa izy ireo dia efa nandray ny valisoany. <sup>3</sup> Fa rehefa maneho fihantrana ianareo, aza atao fantatrin'ny tananareo havia izay ataon'ny tananareo havanana, <sup>4</sup> ka mba homena mangingina ny fanomezanareo. Avy eo ny Rainareo izay mahita amin'ny mangingina no hamaly soa anareo. <sup>5</sup> Rehefa mivavaka ianareo, aza manao tahaka ny mpihatsaravelatsihy, fa izy ireo tia mijoro sy mivavaka eo amin'ny synagoga sy eo amoron-dalana, ka mba mety ho itan'ny olona. Lazaiko marina aminareo, fa izy ireo dia efa nandray ny valisoany. <sup>6</sup> Fa ianareo, rehefa mivavaka, midira ao amin'ny efitranonareo. Hidio ny varavarana, dia mivavaha amin'ny Rainareo izay ao amin'ny mangingina. Avy eo ny Rainareo izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly soa anareo. <sup>7</sup> Rehefa mivavaka ianareo, aza manao teny maro tsy misy ilàna azy tahaka ny ataon'ny Jentilisa, ny amin'ny fiheverany fa ho re izy ireo nohon'ny teny maro izay ataony. <sup>8</sup> Noho izany, aza manao tahaka azy ireo, fa ny Rainareo dia efa mahafantatra ireo zavatra izay ilainareo mialohan'ny angatahanareo Aminy. <sup>9</sup> Noho izany mivavaha tahaka izao hoe: 'Rainay izay any an-danitra, ho hamasinina anie ny anaranao. <sup>10</sup> Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. <sup>11</sup> Omeo anay anio ny hanina sahaza ho anay. <sup>12</sup> Mamelà ny helokay, tahaka ny hamelanay izay meloka taminay. <sup>13</sup> Ary aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy.'" <sup>14</sup> Fa raha mamela ny hadisoan'ny olona ianareo, dia hamela anareo ihany koa ny Rainareo izay any an-danitra. <sup>15</sup> Fa raha tsy mamela ny hadisoan'izy ireo ianareo, dia tsy hamela ny hadisoanareo mihintsy ny Rainareo. <sup>16</sup> Ankoatra izay, rehefa mifady hanina ianareo, aza mampiseho endrika mampalahelo tahaka ny ataon'ny mpiatsaravelatsihy, fa manaratsy tarehy izy ireo ka mba mety ho itan'ny olona fa tena mifady hanina. Lazaiko marina aminareo, fa efa nandray ny valisoany izy ireo. <sup>17</sup> Fa ianao, rehefa mifady hanina, osory menaka ny lohanao ary sasao ny tarehinao, <sup>18</sup> ka mba tsy ho itan'ny hafa hoe mifady hanina, fa amin'ny Rainao izay ao amin'ny mangingina ihany; ary ny Rainao izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly soa anao. <sup>19</sup> Aza mitahiry ny harenareo ety an-tany, izay simbain'ny kalalao sy harafesina, ary hidiran'ireo mpangalatra ankeriny ka hangalatra. <sup>20</sup> Fa kosa, tehirizo ny harenareo any an-danitra, izay tsy ho simban'ny kalalao sy harafesina, ary tsy hidiran'ireo mpangalatra ankeriny ka hangalatra. <sup>21</sup> Fa izay misy ny harenao, no itoeran'ny fonao ihany koa. <sup>22</sup> Ny maso no jiron'ny vatana. Noho izany, raha tsara ny masonao, dia ho feno fahazavana ny vatana rehetra. <sup>23</sup> Fa raha ratsy ny masonao, dia ho feno haizina ny vatanao rehetra. Noho izany, raha maizina ny fahazavanaizay ao anatinao amin'izao, manao ahoana ny halehibehin'izany haizana izany! <sup>24</sup> Tsy misy afaka hanompo tompo roa, fa hankahala ny iray izy ary hitia ny iray, raha tsy izany hanolo-tena ho an'ny iray ka hankahala ny iray hafa. Ianao dia tsy afaka hanompo an'Andriamanitra sy ny harena. <sup>25</sup> Noho izany lazaiko aminareo, aza miahiahy momba ny ainareo, izay hohaninareo na izay hosotroinareo - na momba ny vatanareo, izay hotafianareo. Fa tsy lehibe noho ny sakafo va ny fiainana, ary ny vatana lehibe noho ny fitafiana? <sup>26</sup> Jereo ireo vorona eny amin'ny habakabaka. Izy ireny dia tsy mamafy na mijinja na manangona ao an-tsompitra, fa ny Rainareo izay any an-danitra no mamahana azy ireny. Tsy sarobidy kokoa mihoatra ireny ve ianareo? <sup>27</sup> Iza aminareo no afaka manampy hakio iray amin'ny andro hiainany amin'ny fanahiana? <sup>28</sup> Nahoana ianareo no miahiahy momba ny fitafianareo? Saino ny momban'ny lilia eny amin'ny saha, ahoana ny fanirin'izy ireny. Tsy mba miasa izy ireny, ary tsy mamoly fitafiana. <sup>29</sup> Lazaiko aminareo, fa na i Solomona aza amin'ny voninahiny rehetra dia tsy nitafy tahaka ny iray amin'ireny. <sup>30</sup> Raha ampitafian'Andriamanitra tahaka izany ny ahitra any an-tsaha, izay rehetra misy anio sy rahampitso dia hatsipy ao am-patana, toy ny ahoana no ampitafiany anareo bebe kokoa, ianareo ry kely finoana? <sup>31</sup> Noho izany aza miahiahy ka milaza hoe: 'Inona no hohaninay?' na hoe: 'Inona no hosotroinay?' na hoe: 'Inona ny fitafiana ho anaovanay?' <sup>32</sup> Fa ireo Jentilisa mitady ireo zavatra ireo, ary ny Rainareo izay any an-danitra dia mahafantatra fa mila ireo ianareo. <sup>33</sup> Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany dia homena anareo ireo zavatra ireo. <sup>34</sup> Noho izany, aza miahiahy ny ampitso, fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro tsirairay ny ratsy ao aminy.

### Footnotes

6:13 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dika teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amen."

## Matthew 6:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manohy mampianatra ireo mpianany amin'ny Toriteny eo an-tendrombohitra, izay niantomboka tao amin'ny 5:1 i Jesosy. Ato amin'ity fizarana ity, dia miresaka ny amin'ny "asa fahamarinana" ho an'ny fanaovan-tsoa, fivavahana, ary fifadin-kanina i Jesosy.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

**eo anatrehan'ny olona ianareo mba ho hitan'izy ireo**  
Midika izany fa hanaja azy ireo izay mahita ilay olona. Azo atao hoe DH: "eo anatrehan'ny olona mba hahafahan'izy ireo mahita anareo ary manome haja anareo nohon'ny ny zava-bitanareo"

### Rainareo

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra io.

### aza mitsoka trompetra misarika ny hafa

Io sarin-teny io dia midika fanaovana zavatra iniana atao mba hisarihana ny sain'ny hafa. DH: "aza misarika ny hafa ho an'ny tenanao tahaka ny olona izay mitsoka trompetra ao anaty vahoaka"

### Lazaiko marina aminareo

"milaza ny marina aminareo aho." Io fehezanteny io dia fanindriana izay ho lazain'i Jesosy manaraka.

## Matthew 6:3

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manohy mampianatra momba ny fiantrana i Jesosy.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

### aza atao fantatrin'ny tananareo havia izay ataon'ny tananareo havanana

Io dia sarin-teny ilazana hoe tsiambaratelo tanteraka. Tahaka ny tanana izay miara miasa matetika ary azo lazaina fa "mahalala" izay ataon'ny tsirairay isan'andro, dia tsy tokony ho avelanao hahalala na dia ireo akaiky indrindra aminao aza rehefa manome ho an'ny mahantra ianao.

### homena mangingina ny fanomezanareo

Azo atao hoe DH: "afaka manome ho an'ny mahantra ianao nefa tsy misy olona hafa mahalala"

## Matthew 6:5

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manomboka mampianatra momba ny vavaka i Jesosy.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny teny hoe "-nareo" sy "anareo" ao amin'ny andininy 5 sy 7 dia manondro olona maro.

### mba mety ho hitan'ny olona

Midika izany fa ireo izay mahita azy ireo dia hanome haja azy ireo. Azo atao hoe DH: "mba ho hitan'olona ka homeny haja izy ireo.

### Lazaiko marina aminareo

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

### midira ao amin'ny efi-tranonareo. Hidio ny varavarana

"mandehana any amina toerana mitokana" na "mandehana any amin'izay maha mety ho irery anao"

### Rainareo izay ao amin'ny mangingina

Ireo mety ho dikany dia 1) tsy misy afaka mahita an'Andriamanitra, na 2) Ao amin'izany toerana mitokana izany miaraka amin'ilay olona mivavaka Andriamanitra.

### Rainareo

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

### Rainareo izay mahita ao amin'ny mangingina

"ho hitan'ny Rainareo izay hataonareo ao amin'ny toerana mitokana ary"

### manao teny maro tsy misy ilàna azy

"mamerina teny tsy misy dikany"

### ho re izy ireo

Azo atao hoe DH: "ny andriamanitra sandok'izy ireo no handre azy ireo"

## Matthew 6:8

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Miresaka amina vondron'olona ny amin'ny mety hanjoa azy ireo tsirairay i Jesosy. Miteny amin'izy ireo toy ny amina vondrona izy ao amin'ny hoe "mivavaha tahaka izao." Ny "ianao" rehetra aorian'ny "Rainay izay any an-danitra" dia manondro olon-tokana.

**Rainareo**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**hamasinina anie ny anaranao**

Eto ny hoe "anaranao" dia manondro an'Andriamanitra mihitsy. DH: "ataovy manaja anao ny olon-drehetra"

**Ho tonga anie ny fanjakanao**

Eto ny hoe "fanjakana" dia maneho ny fanapahan'Andriamanitra toy ny mpanjaka. DH: hanapaka tanteraka eo amin'ny olon-drehetra sy ny zava-drehetra anie ianao"

**Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra**

Azo atao hoe DH: "hiseho araka ny sitraponao tahaka ny any an-danitra anie ny zavatra rehetra ety an-tany."

**Matthew 6:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny hoe "izahay" sy "-anay" rehetra dia manondro ireo vahoaka izay iresahan'i Jesosy.

**anio ny hanina**

Ny hoe "hanina" dia ilazana ny sakafo amin'ny ankapobeny.

**aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy**

Ny teny hoe "fakam-panahy" dia azo atao matoanteny. DH: "aza avela hisy na inona na inona haka fanahy anay" na "Aza avela hisy na inona na inona hahatonga anay haniry ny hanota"

**Matthew 6:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny hoe "ianareo" sy "anareo" rehetra dia manondro olona maro. Na izany aza, i Jesosy dia milaza amin'izy ireo izay hanjoa azy ireo tsirairay avy raha tsy mifamela ny olona tsirairay.

**hadisoana**

"tsy mety" na "fahotana"

**Ray**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**Matthew 6:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mampianatra momba ny fifadian-kanina i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nao" sy "anao" ao amin'ny andininy 17 sy 18 dia manondro olon-tokana, saingy mety ho te

handika izany amin'ny teny fanondroana olona maro ianao mba hampifanaraka tsara ny "ianareo" ao amin'ny andininy faha 16.

**Ankoatra izay**

Ary koa

**manaratsy tarehy izy ireo**

Tsy nanasa ny tarehiny na nibango ny volony ireo mpiatsaravelatsihy. Nataon'izy ireo fanahy iniana izany mba hisarihana ny sain'ny hafa ho amin'izy ireo ka ho hitan'ny olona izy ireo ary homeny haja nohon'ny fifadiany hanina.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io teny io.

**osory menaka ny lohanao**

"asio menaka ny lohanao" na "amboary ny volonao." Ny "manosotra menaka" ny loha eto dia ny fikarakarana andavanandro ny volo'ny olona iray. Tsy misy hidirany amin'i "Kristy" ilay "voahosotra" akory io. Ny tian 'i Jesosy ho lazaina dia hoe tokony hitovy foana ny endrik'olona iray na mifady hanina izy na tsia.

**Rainao izay ao amin'ny mangingina**

Ireo mety ho dikany dia 1) tsy misy afaka mahita an'Andriamanitra na 2) Ao amin'izany toerana mitokana izany miaraka amin'ilay olona mivavaka Andriamanitra. Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny 6:5.

**Rainao**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**izay mahita ao amin'ny mangingina**

"izay mahita ny ataonao ao amin'ny mangingina." Jereo ny nandikanao azy ao amin'ny 6:5.

**Matthew 6:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manomboka mampianatra momba ny vola sy ny fananana i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro, afa-tsy ny ao amin'ny andininy faha 21, izay manondro olona tokana.

**izay simban'ny kalalao sy harafesina**

"izay hanimban'ny kalalao sy ny harafesina ny harena"

**kalalao**

Biby kely, manidina mpanimba lamba

**harafesina**

zavatra miloko volon-tany miraikitra eo amin'ny vy

**tehirizo ny harenareo any an-danitra**

Io dia sarin-teny izay midika hoe manaova zavatra tsara ety an-tany mba hamalian'andriamanitra soa anao any an-danitra.

**no itoeran'ny fonao ihany koa**

Eto ny hoe "fo" dia ilazana ny eritreritra na izay mahaliana ny olona iray.

**Matthew 6:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nao" sy "anao" dia manondro olon-tokana, saingy mety mila mandika izany amin'ny fanondroana olona maro ianao.

**Ny maso no jiron'ny vatana ... manao ahoana ny halehibehin'izany haizana izany!**

Mapitaha ny maso salama izay mampahita ny olona amin'ny maso marary izay mahatonga ny olona ho jamba io. Sarin-teny maneho ny fiainana ara-panahy io. Matetika ny olona Jiosy dia mampiasa ny teny hoe "maso ratsy" ilazana ny tsy fahononana-tena. Izao no dikany: raha misy olona manolo-tena tanteraka amin'Andriamanitra ka mahita ny zavatra araka ny fahitany azy, dia manao ny mety izy. Raha tsy mahono-tena ny olona iray, dia manao ny ratsy izy.

**Ny maso no jiron'ny vatana**

Io sarin-teny io dia midika hoe ny maso no mahatonga ny olona iray hahita tahaka ny jiro izay manampy ny olona iray hahita ao amin'ny maizina. DH: "Toy ny jiro, ny maso no mampahita anareo mazava tsara"

**raha ratsy ny masonao**

Matetika ny Jiosy dia mampiasa io sarin-teny io hilazana ny olona izay tsy mahonon-tena.

**fa hankahala ny iray izy ary hitia ny iray, raha tsy izany hanolo-tena ho an'ny iray ka hankahala ny iray hafa**  
Samy mitovitovy ihany ny dikan'ireo fehezanteny anankiroa ireo. Tsindrian'izy ireo mafy fa tsy afaka mitia sy manolo-tena ho an'Andriamanitra sy ny vola miaraka ny olona iray.

**Ianao dia tsy afaka hanompo an'Andriamanitra sy ny harena**

"Tsy afaka mitia an'Andriamanitra sy ny vola miaraka ianao"

**Matthew 6:25****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny mpisolotena "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

**lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io teny io.

**aminareo**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy.

**tsy lehibe noho ny sakafo va ny fiainana**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "mazava ho azy fa mihoatra noho izay hohaninareo ny aina, ary ny vatanareo dia mihoatra noho izay itafianareo"

**an-tsompitra**

toerana fametrahana vokatra

**Rainareo**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**Tsy sarobidy kokoa mihoatra ireny ve ianareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "Mazava ho azy fa sarobidy mihoatra noho ny vorona ianareo."

**Matthew 6:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

**Iza aminareo no afaka manampy hakio iray amin'ny andro hiainany amin'ny fiahiahiana?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "Tsy misy iray aminareo no afaka, manampy taona eo amin'ny fiainanareo, amin'ny fiahiahiana. Tsy afaka manampy na dia iray minitra amin'ny fiainanareo akory ianareo! Koa tsy tokony hiahiahy ny amin'ny zavatra ilainareo ianareo." (UDB)

**hakio iray**

Ny hakio dia refy kely kokoa noho ny iray metatra. Eto izany dia sarin-teny ilazana ny fanampiana andro amin'ny fiainan'ny olona iray.

**Nahoana ianareo no miahiahy momba ny fitafianareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "Tsy tokony hiahiahy ny amin'ny izay ho tafianareo ianareo"

**Saino ny momban'ny**

"Hevero"

**lilia**

Karazam-boninkazo dia.

**Lazaiko aminareo,**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io teny io.

**tsy nitafy tahaka ny iray amin'ireny**

Azo atao hoe DH: "tsy nanao akanjo izay tsara tarehy tahaka ireny lilia ireny"

## Matthew 6:30

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolo-tena "-nareo" sy "anareo" dia manondro olona maro.

### ampitafian'Andriamanitra tahaka izany ny ahitra

Sarin-teny izay midika fa ataon'Andriamanitra tsara tarehy ny voninkazo.

### ahitra

Raha manana teny izay mahalaza ny "ahitra" sy ny teny nilazanao ny "lilia" tao amin'ny andininy teo aloha ny fiteninao, dia ampiasao eto izany.

### hatsipy ao am-patana

Nampiasa ahitra tao amin'ny afo ny Jiosy tamin'izany fotoana izany mba handrahoana ny sakafon'izy ireo. DH: "misy olona iray manipy izany ao anaty afo" na "misy olona mandoro azy"

### toy ahoana no ampitafiany anareo bebe kokoa... finoana

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "hampitafiany tokoa ianao ... finoana"

### ry kely finoana

"ianao izay manana finoana kely tahaka izany." Mibedy ny olona i Jesosy satria kely ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra.

### Noho izany

"Noho izany rehetra izany"

## Matthew 6:32

### Fa ireo Jentilisa mitady ireo zavatra ireo

"fa ireo Jentilisa dia liana ny amin'izay hohaniny, sy sotroiny, ary hanaovany"

### ary ny Rainareo izay any an-danitra dia mahafantatra fa mila ireo ianareo

Milaza i Jesosy fa Andriamanitra dia hanao izay hahazoanao ireo zavatra fototra ilainao.

### Rainareo

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

### Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany

Eto ny hoe "fanjakana" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. DH: "Afantohy amin'ny fanompoana an'Andriamanitra izay mpanjakananao, sy ny fanaovana ny marina, ny tenanao"

### homena anareo ireo zavatra ireo.

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra no hanome ireny zavatra rehetra ireny ho anareo"

### Noho izany

"Noho izany rehetra izany"

### fa ny ampitso hanahy ny azy

Mamaritra ny "ampitso" toy ny hoe olona afaka manahy i Jesosy. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe rehefa tonga ny andro manaraka dia hanana zavatra hiahiana indray ny olona iray.

## Chapter 7

<sup>1</sup> Aza mitsara, dia tsy hotsaraina ianareo. <sup>2</sup> Fa amin'ny fitsarana nataonareo, no hitsarana anareo, ary amin' ny fandrefesana andrefesanareo, no handrefesana anareo. <sup>3</sup> Nahaoana ianao no mijery ny singa-mololo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao, nefa tsy tsikaritrao ny andry ao anaty masonao? <sup>4</sup> Ahoana no hitenenanao ny rahalahinao hoe: 'Avelaho aho hanala ny singa-mololo izay ao anaty masonao,' raha mbola ao anatin'ny masonao ilay andry? <sup>5</sup> Ry mpihatsaravelatsihy! Esory aloha ny andry izay ao anaty masonao, ary avy eo ianao hahita tsara rehefa manala ny singa-mololo izay eo amin'ny mason'ny rahalahinao. <sup>6</sup> Aza omena ny alika izay masina, ary aza hatsipy eo anoloan'ny kisoa ny vatosoanareo. Raha tsy izany dia mety ho voahitsany ny tongotr'izy ireo, ary avy eo hifotitra sy hamiravira anareo amin'ny fahapotehana. <sup>7</sup> Mangataha, dia omena anareo izany. Mitadiava, dia hahita ianareo. Dondony, fa hisokatra ho anareo izany. <sup>8</sup> Fa izay rehetra mangataka, dia mahazo; ireo rehetra izay mitady, dia mahita; ary ho an'ny olona mandondona, dia ho vahana. <sup>9</sup> Sa iza aminareo, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanolotra vato ho azy? <sup>10</sup> Na koa raha nangatahiny trondro, ka hanolotra bibilava azy? <sup>11</sup> Noho izany, raha ianareo izay ratsy aza mahay manome ireo fanomezana izay tsara ho an'ny zanakareo, moa tsy lehibe mihoatra va ny zavatra tsara omen'ny Rainareo izay any an-danitra ho an'ireo izay mangataka aminy? <sup>12</sup> Noho izany, na inona na inona zavatra tianareo ho ataon'ny olona amin'ny tenanareo, dia tokony hanao toy izany amin'izy ireo ihany koa ianareo, fa izany no lalàna sy ireo mpaminany. <sup>13</sup> Midira amin'ny vavahady tery. Fa lehibe ny vavahady ary malalaka ny lalana mitondra any amin'ny fahaverezana, ary maro ireo olona izay mandeha amin'izany. <sup>14</sup> Fa tery ny vavahady ary sarotra ny lalana izay mitarika mankany amin'ny fiainana, ary vitsy ireo izay mahita izany. <sup>15</sup> Mitandrema amin'ireo mpaminany sandoka, izay manatona anareo amin'ny fitafian'ondry nefa amboadia tena mpihaza. <sup>16</sup> Amin'ny alalan'ny voany no hahafantaranareo azy ireo. Mioty voaloboka eny amin'ny tsilo va ny olona, na koa aviavy eny amin'ny songosongo? <sup>17</sup> Mitovy amin'izany, ny hazo tsara rehetra dia mamokatra voa tsara, fa ny hazo ratsy dia mamokatra voa ratsy. <sup>18</sup> Ny hazo tsara dia tsy afaka ny hamokatra voa ratsy, na koa ny hazo ratsy dia tsy afaka mamokatra voa tsara. <sup>19</sup> Ny hazo rehetra izay tsy mamokatra voa tsara dia kapaina ary hatsipy any anaty afo. <sup>20</sup> Ka noho izany, ho fantatrareo izy ireo amin'ny alalan'ny voany. <sup>21</sup> Tsy ireo rehetra izay miteny amiko hoe: 'Tompo, Tompo,' dia hiditra ny fanjakan'ny lanitra, fa ireo izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra ihany. <sup>22</sup> Maro ireo olona hiteny amiko amin'izany andro izany hoe: 'Tompo, Tompo, tsy efa naminany tamin'ny anaranao ve izahay, tsy efa namoaka ireo demonia tamin'ny anaranao, ary nanao ireo asa lehibe tamin'ny anaranao?' <sup>23</sup> Avy eo Aho hanambara amin'izy ireo ampahibemaso hoe: 'Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho! Mialà lavitra Ahy, ry mpanao ratsy!' <sup>24</sup> Noho izany, ireo rehetra izay mandre ny teniko ary mankatoka izany dia ho tahaka ny olona hendry izay nanorina ny tranony eny ambony vatolampy. <sup>25</sup> Niotsaka ny orana, tonga ny tondran-drano, ary nifofofoko sy namely ilay trano ny rivotra, fa tsy nianjera izany, satria nahorina teo ambony vatolampy. <sup>26</sup> Fa ny rehetra izay mandre ireo teniko ka tsy mankatoka azy ireny dia tahaka ny olona adala izay manorina ny tranony eny ambony fasika. <sup>27</sup> Niotsaka ny orana, tonga ny tondra-drano, ary nifofofoko sy namely ilay trano ny rivotra, ka dia nianjera izany, ary feno ny faharavany." <sup>28</sup> Ary rehefa avy nanambara ireo teny ireo Jesosy, talanjona tamin'ny fampianarany ireo vahoaka, <sup>29</sup> satria nampianatra azy ireo tahaka ny olona izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ireo mpanora-dalànan'izy ireo.

### Matthew 7:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mampianatra ireo mpianany amin'ny Toriteny teny An-tendrombohitra, izay nanomboka tao amin'ny 5:1 i Jesosy.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nareo" sy "anareo" ary ireo didy dia manondro olona maro.

#### Aza mitsara

Misy hevitra ambadika izany fa ny hoe "mitsara" dia "manameloka mafy" na "manambara fa meloka." DH: "Aza manameloka mafy ny olona"

#### tsy hotsaraina ianareo

Azo atao hoe DH: "Tsy ho melohan'Andriamanitra mafy ianareo"

#### Fa

Ezaho mba ho azon'ny mpamaky fa izay lazaina ao amin'ny 7:2 dia mifototra amin'izay nolazain'i Jesosy tao amin'ny 7:1.

**amin'ny fitsarana nataonareo, no hitsarana anareo**  
Azo atao hoe DH: "Ho melohan'Andriamanitra araka ny hanamelohanao ny hafa ianao"

#### **fandrefesana**

Ireo mety ho dikany dia 1) io no haben'ny famaizana hatao na 2) io no fomba atao amin'ny fitsarana.

#### **no handrefesana anareo**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra no handrefy izany ho anareo"

### **Matthew 7:3**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolo-tena "-nao" sy "ianao" dia manondro olon-tokana avokoa, saingy mety mila mandika izany amin'ny teny fanondroana olona maro ianao.

#### **Nahaoana ianao no mijery ... nefa tsy tsikaritrao ny andry ao anaty masonao?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hampitandrina ireo olona mba handinika tsara ny fahotan'izy ireo manokana alohan'ny hijerena ny fahotan'ny hafa. DH: "aza mijery ... kanefa tsy mahita ny andry izay eo amin'ny masonao"

#### **singa-mololo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao**

Io dia sarin-teny hilazana ny fahadisoana kely indrindra ataon'ny mpiray finoana.

#### **singa-mololo kely**

"tasy" (UDB) na "poti-kazo" na "vovoka." Mampiasa teny mahalaza ny zavatra kely indrindra izay matetika tafiditra anaty mason'olona.

#### **rahalahinao**

Ny hoe "rahalahy" rehetra ao amin'ny 7:3-5 dia ilazana ny mpiray finoana, fa tsy rahalahy arabakiteny na mpiray vodi-rindrina akory.

#### **andry ao anaty masonao**

Io dia sarin-teny ilazana ny fahadisoan-dehiben'ny olona iray. Ny andry dia tsy afaka ny ho tafiditra arabakiteny ao anaty mason'olona iray. Manindry mafy i Jesosy fa tokony handinika tsara ny fahadisoan-dehiben'ny olona iray alohan'ny hiresahany momba ny fahadisoana kelin'ny hafa.

#### **andry**

Ilay vata-kazo be izay nokapain'olona.

#### **Ahoana no hitenenanao ... masonao?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hampitandrina ireo olona mba handinika tsara ny fahotan'izy ireo manokana alohan'ny hijerena ny fahotan'ny hafa. DH: "Tsy tokony hiteny ianao hoe ... ao anaty masonao."

### **Matthew 7:6**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolo-tena "-nareo" sy "ianareo" dia manondro olona maro avokoa.

#### **alika ... kisoa**

Noraisin'ireo Jiosy ho maloto ireo biby ireo, ary niteny tamin'ireo Jiosy mba tsy hihinana izany Andriamanitra. Ireo dia sarin-teny ilazana ny olona ratsy fanahy izay maniratsira ny zavatra masina. Ny tsara indrindra dia ny mandika azy arabakiteny.

#### **vatosoanareo**

Mitovy amin'ireny vato sarobidy boribory na perla ireny io. Sarin-teny ilazana ny fahalalana an'Andriamanitra na ny zavatra sarobidy amin'ny ankapobeny izany.

#### **voahitsany**

"maty ho voahitsak'ireo kisoa"

#### **hifotitra sy hamiravira**

"ary avy eo ny alika hifotitra ary hamiravira"

### **Matthew 7:7**

#### **Fampahantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolo-tena "-nareo" sy "ianareo" dia manondro olona maro avokoa.

#### **Mangataha ... Mitadiava ... Dondony**

Sarin-teny maneho ny fivavahana amin'Andriamanitra ireo. Ny endriky ny matoanten'ny dia mampiseho fa mila mivavaka hatrany isika mandra-pamaliny. Raha misy teny mahalaza zavatra mitohitohy hatrany ao amin'ny fiteninao, dia ampiasao eto izany.

#### **Mangataha**

Io dia midika fangatahana amin'Andriamanitra. (UDB)

#### **omena anareo izany**

Azo atao hoe DH: "homen'Andriamanitra anareo izay ilainareo"

#### **Mitadiava**

"Tadiavo ao amin'Andriamanitra izany ilainareo"

#### **Dondony**

Ny mandondona eo am-baravarana dia fomba hangatahana ny olona ao antin'ny trano na ny efitra mba hanokatra ny varavarana. Raha tsy fahalalam-pomba eo amin'ny kolontsainao ny mandondona eo am-baravarana, dia mampiasa teny izay maneho ny fomba fangatahan'ny olona amin'ny fomba feno fahalalam-pomba ny olona iray mba hamoha

varavarana. DH: "Teneno Andriamanitra fa tianao ho vohany ny varavarana"

#### **dia ho vahana**

Azo adika hoe DH: "Ho vohan'Andriamanitra ho anareo izany"

#### **Sa iza aminareo ... vato**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo olona. DFH: "Tsy misy aminareo ... vato."

#### **mofo**

Maneho ny sakafo amin'ny ankapobeny io. DH: "hanina"

#### **vato ... trondro ... trondro**

Tokony hadika ara-bakiteny ireo teny ireo.

#### **Na koa raha nangatahiny trondro, ka hanolotra bibilava azy?**

Manontany fanontaniana hafa i Jesosy mba hampianarana ireo olona. Fantatra fa mbola miresaka momba ny lehilahy iray sy ny zanany ihany i Jesosy. DH: "Ary tsy misy olona iray eo aminareo, raha mangataka trondro ny zanany, dia hanome azy bibilava."

#### **Matthew 7:11**

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Miresaka amina vondron'olona momba izay mety hanjoa azy ireo tsirairay avy i Jesosy. Ny mpisolotena "-nareo" sy "ianareo" dia manondro olona maro avokoa.

##### **tsy lehibe mihoatra va ny zavatra tsara omen'ny Rainareo izay any an-danitra ... aminy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. DH: "ary ny Rainareo izay any an-danitra dia hanome tokoa ... aminy"

#### **Rainareo**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

#### **inona na inona zavatra tianareo ho ataon'ny olona amin'ny tenanareo**

" izay fihetsika rehetra tianao hataon'ny olona aminao" (UDB)

#### **fa izany no lalàna sy ireo mpaminany**

Eto ny hoe " lalàna" sy "mpaminany" dia maneho izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany. DH: "fa izany no hampianarin'i Mosesy sy ireo mpaminany ao amin'ny soratra masina"

#### **Matthew 7:13**

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Rehefa mandika -teny ianao, dia mapiasà teny ilazana ny "malalaka" sy "lehibe" izay tena samihafa amin'ny hoe "tery" araka izay azo atao, mba hanindriana ny fahasamihafana eo amin'ireo vavahady sy lalana roa.

#### **Midira amin'ny vavahady tery ... vitsy ireo izay mahita izany**

Kisarisarina olona mandeha amina lalana ary miditra ao amina fanjakana iray avy eo amin'ny vavahady io. Ny fanjakana iray dia mora hidirana; ny anakiray kosa dia sarotra hidirana. Io dia sarinteny izay midika fa ny olona iray dia tsy maintsy manaiky ny fiainan-tsarotry ny fankatoavana an'Andriamanitra mba hahazoana fiainana mandrakizay. Raha misafidy fiainana mora kokoa amin'ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra izy, dia hiditra any amin'ny helo.

#### **Midira amin'ny vavahady tery**

Mety ho mila afindranao eo amin'ny faran'ny andininy faha 14 io: "Noho izany, midira amin'ny vavahady tery."

#### **vavahady ... lalana**

Ireo mety ho dikany dia 1) maneho ny vavahady izay hidirana ao amina fanjakana sy ny ny lalana izay mitondra mankeo amin'ilay vavahady io. na 2) samy maneho ny fidirana ao amin'ilay fanjakana ny "vavahady" sy ny "lalana."

#### **any amin'ny fahaverezana ... amin'ny fiainana**

Ireo teny ireo dia azo adika amin'ny matoanteny. DH: "any amin'ny toerana hahafatesanareo ... any amin'ny izay hahavelomanareo"

#### **Matthew 7:15**

#### **izay manatona anareo amin'ny fitafian'ondry nefa amboadia tena mpihaza**

Io sarin-teny io dia midika fa hisy mpaminany sandoka izay mody miseho azy ireo ho tsara ary te hanampy anareo, kanefa tena ratsy tokoa izy ireo ary hamely anareo.

#### **Amin'ny alalan'ny voany no hahafantarana azy ireo**

Io sarin-teny io dia ilazana ny asan'ny olona iray. DH: "Toy ny ahafantarana ny hazo amin'ny alalan'ny voankazo izay maniry eo aminy, dia amin'ny asany koa no ahafantarana ireo mpaminany sandoka."

#### **Mioty ... tsilo va ny olona**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ny olona. Efa fantatry ny olona fa ny valiny dia tsia. DH: "Tsy mioty ... tsilo ny olona."

#### **ny hazo tsara rehetra dia mamokatra voa tsara**

Manohy mampiasa sarin-teny momba ny voankazo i Jesosy mba hanehoana ny mpaminany tsara izay manao asa sy teny tsara.

#### **ny hazo ratsy dia mamokatra voa ratsy**

Manohy mampiasa sarin-teny momba ny voankazo i Jesosy mba hanehoana ireo mpaminany ratsy izay manao asa ratsy.



**Matthew 7:18**

**Ny hazo rehetra izay tsy mamokatra voa tsara dia kapaina ary hatsipy any anaty afo**

Manohy mampiasa ny voankazo hatao sarin-teny i Jesosy mba hanehoana ireo mpaminany. Eto, dia milaza izay hanjoa ny hazo ratsy fotsiny ihany Izy. Misy hevitra ambadika izany fa ny mitovy amin'izany no hanjoa ireo mpaminany sandoka.

**kapaina ary hatsipy any anaty afo**

Azo atao hoe DH: "hisy olona hikapa ary handoro izany"

**fantatrareo izy ireo amin'ny alalan'ny voany**

Ny hoe "izy ireo" dia afaka maneho ireo mpaminany na ireo hazo. Ity sarin-teny ity dia midika fa ny voan'ny hazo sy ny asan'ireo mpaminany dia samy mampiseho hoe ratsy na tsara izy ireo. Raha azo atao, dia adikao amin'ny fomba izay afaka manondro ny hazo sy ireo mpaminany miaraka io.

**Matthew 7:21**

**hiditra ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "hiara-belona amin'Andriamanitra any an-danitra rehefa miseho tahaka ny mpanjaka izy"

**ireo izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra**  
"na iza na iza manao ny sitrapon'ny Raiko any an-danitra"

**Raiko**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**amin'izany andro izany**

Niteny hoe "izany andro izany" i Jesosy fa fantany fa ho azon'ireo mpiaino Azy hoe nilaza ny amin'ny andron'ny fitsarana Izy. Raha tsy azon'ny mpamaky ihany voa tokony hampidirinao ny hoe "andron'ny fitsarana."

**tsy efa naminany ... namoaka ireo demonia ...**

Mampiasa fanontaniana ireo olona mba hanamafisana fa nanao ireo zavatra ireo ry zareo. DH: "naminany... namoaka demonia ... nanao asa lehibe maro izahay"

**tamin'ny anaranao**

Eto ny hoe "anarana" dia midika hoe hery sy fahefan'i Jesosy.

**nanao ireo asa lehibe**

"Fahagagana"

**Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho**

Midika io fa tsy an'i Jesosy ilay olona. DH: "Tsy mpanaradia Ahy ianareo" na "Tsy misy hidirako aminareo"

**Matthew 7:24**

**Noho izany**

"Noho izany antony izany"

**ny teniko**

Eto ny hoe "teny" dia maneho izay lazain'i Jesosy.

**tahaka ny olona hendry izay nanorina ny tranony eny ambony vatolampy**

Mapitaha ireo izay mankatoka ny teniny amin'ny olona izay manorina ny tranony eo amin'izay tsy misy afaka mamotika azy i Jesosy.

**vatolampy**

Ilay vato fototra ambanin'ny tany sy ny tanimanga io, fa tsy hoe vato be na haram-bato eo ambonin'ny tany.

**nahorina**

Azo atao hoe DH: "naoriny ... izany"

**Matthew 7:26**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no fiasaran'ny Toriten'i Jesosy teo an-Tendrombohitra, izay niantomboka tao amin'ny toko faha 5:1.

**tahaka ny olona adala izay manorina ny tranony eny ambony fasika**

Manohy mampiasa ilay fanoharana tao amin'ny andininy teo aloha i Jesosy. Mampitaha ireo izay tsy mankatoka ny teniny amin'ny mpanorin-trano adala Izy. Ny adala ihany no hanorina trano eo amina toerana feno fasika izay afaka hoentin'ny orana, riaka, ary rivotra.

**nianjera**

Ampiasao ny teny amin'ny fitenin'ny izay mamaritra ny zava-mitranga rehefa mianjera ny trano.

**ary feno ny faharavany**

Handrava azy tanteraka ny orana, ny riaka, ary ny rivotra.

**Matthew 7:28**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireto andininy ireto dia mamaritra ny nasetrin'ny olona ny fampianaran'i Jesosy tamin'ny Toriteny teo an-Tendrombohitra.

**Ary**

Io teny io dia mamadika ny ny tanataran'ny fampianaran'i Jesosy mankany amin'ny zava-nitranga manaraka. DH: "Avy eo" na "Taorian'izany"

**talanjona tamin'ny fampianarany**

Mazava tsara ao amin'ny 7:29 fa gaga, tsy  
tamin'izay nampianarin'i Jesosy fotsiny izy ireo, fa

tamin'ny fomba nampianarany izany. DH: "gaga  
tamin'ny fomba nampianarany"

## Chapter 8

<sup>1</sup> Rehefa nidina avy eny an-tendrombohitra Jesosy, dia vahoaka maro no nanaraka Azy. <sup>2</sup> Indro, nisy boka iray nanatona Azy ary nitsaoka teo anoloany, nanao hoe: "Tampo, raha sitrakao, dia afaka manadio ahy Ianao." <sup>3</sup> Nanatsotra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, nanao hoe: "Sitrako. Mahadiova." Teo no ho eo dia nadio tamin'ny fahabokany izy. <sup>4</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Aoka mba tsy hilaza na inona na inona na amin'iza na amin'iza ianao. Mandehana amin'ny lalanao, ka aseho amin'ny mpisorona ny tenanao ary atolory ilay fanatitra izay nodidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo." <sup>5</sup> Rehefa niditra tao Kapernaomy Jesosy, dia nanatona Azy ny kapiteny iray ary nanontany Azy, <sup>6</sup> nanao hoe: "Tampo, mandry ao an-trano ny mpanompoko fa malemy ary ao anatin'ny fanaintainana mafy." <sup>7</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Ho avy Aho ary hanasitrana azy." <sup>8</sup> Namaly ilay kapiteny ary nanao hoe: "Tampo, tsy mendrika aho ny tokony hidiranao ao ambany tafon-tranoko, teneno fotsiny ny teny dia ho sitrana ny mpanompoko." <sup>9</sup> Fa izaho ihany koa dia lehilahy izay napetraka ao ambany fahefana, ary manana miaramila izay feheziko aho. Miteny amin'ny anankiray aho hoe: 'Mandehana', dia mandeha izy, ary amin'ny hafa iray hoe: 'Avia,' dia manatona izy, ary amin'ny mpanompoko hoe: "Ataovy izao,' dia ataony izany." <sup>10</sup> Rehefa ren'i Jesosy izany, dia gaga Izy ary niteny tamin'ireo izay nanaraka Azy hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa tsy mbola nahita olona nanam-pinoana toy izany Aho teto Israely." <sup>11</sup> Lazaiko aminareo, fa maro ny avy any atsinanana sy avy any andrefana no ho avy, ary izy ireo dia hipetraka eo an-databatra miaraka amin'i Abrahama, Isaka ary Jakoba, any amin'ny fanjakan'ny lanitra. <sup>12</sup> Fa ireo zanaky ny fanjakana dia hatsipy any ivelan'ny aizina lavitra any, izay hisy fitomaniana sy fikitroha-nify." <sup>13</sup> Hoy Jesosy tamin'ilay kapiteny hoe: "Mandehana! Araka ny ninoanao, dia aoka izany ho atao ho anao." Ary dia sitrana tamin'izany ora izany mihitsy ilay mpanompo. <sup>14</sup> Rehefa niditra tao an-tranon'i Petera Jesosy, dia nahita ny rafozam-bavin'i Petera nandry namarin'ny tazo Izy. <sup>15</sup> Nokasihan'i Jesosy ny tanany, ary niala taminy ny tazo. Dia nitsangana izy ary nanomboka nandroso sakafo Azy. <sup>16</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia maro ireo nofehezin'ny demony noentin'ny olona teo amin'i Jesosy. Nandroaka ireo fanahy tamin'ny teny Izy ary nanasitrana ireo rehetra izay narary. <sup>17</sup> Toy izany no nahatanteraka izay nambara tamin'Isaia mpaminany, nanao hoe: "Izy tenany naka ny faharariantsika sy nitondra ireo aretintsika." <sup>18</sup> Ary rehefa hitan'i Jesosy ireo vahoaka nanodidina Azy, dia nanome toromarika mba hialana ho eny ampitan'ny ranomasina Galilia Izy. <sup>19</sup> Avy eo ny mpanora-dalàna iray nanatona Azy ary nanao hoe: "Ry mpampianatra, hanaraka Anao aho na aiza na aiza alehanao." <sup>20</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, ary ireo voron'ny lanitra manana akany, fa ny Zanak'Olon tsy manana na aiza na aiza ampandriana ny lohany." <sup>21</sup> Iray hafa tamin'ireo mpianatra niteny taminy hoe: "Tampo, avelao aho aloha andeha ary andevina ny raiko." <sup>22</sup> Fa hoy Jesosy taminy hoe: "Manaraha Ahy, ary avelao ny maty andevina ny maty ao aminy manokana." <sup>23</sup> Rehefa niditra tao amin'ny sambokely iray Jesosy, dia nanaraka Azy tao anatin'io ireo mpianany. <sup>24</sup> Indro, nisy tafio-drivotra lehibe nitranga teo amin'ny ranomasina, ka dia rakotry ny onja ny sambo. Fa resin-tory Jesosy. <sup>25</sup> Nankeo Aminy ireo mpianatra ary namoha Azy, nanao hoe: "Vonjeo isika, Tampo; ho faty isika!" <sup>26</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no matahotra, ry kely finoana?" Dia nitsangana Izy avy eo ary niteny mafy ny rivotra sy ny ranomasina. Dia nisy fitoniana be avy teo. <sup>27</sup> Gaga ireo lehilahy ary niteny hoe: "Fa karazana lehilahy inona ity, fa na dia ny rivotra sy ranomasina aza mankatoa Azy?" <sup>28</sup> Rehefa tonga teny ampita sy teo amin'ny tanànan'ny Gadarenesa Jesosy, dia nisy lehilahy roa izay nofehezin'ny demonia nifanena Taminy. Izy ireo dia nivoaka avy any amin'ireo fasana ary tena nahery setra, noho izany dia tsy nisy mpandeha afaka nandalo izany lalana izany. <sup>29</sup> Indro, nihiaka mafy izy ireo ary nanao hoe: "Moa mpifaninona akory izahay sy Ianao, ry Zanak'Andriamanitra? Tonga eto va Ianao hampihorohoro anay mialohan'ny fotoana voatondro?" <sup>30</sup> Ary nisy andian-kisoa maro nisakafo teo, tsy dia lavitra azy ireo. <sup>31</sup> Mbola niangavy an'i Jesosy ihany ireo demonia ary nanao hoe: "Raha mandroaka anay Ianao, dia alefao ao anatin'ireo andian-kisoa ireo izahay." <sup>32</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana!" Dia nivoaka ireo demonia ka nankao amin'ireo kisoa; ary indro, ireo andiany rehetra nifindra nidina ny tendrombohitra mideza nankany an-dranomasina ary maty tao anaty rano izy ireo. <sup>33</sup> Ireo izay nikarakara ireo kisoa dia nihazakazaka ary nankany amin'ny tanàna izy ireo ary nitatitra ny zavatra rehetra, ary indrindra izay nitranga tamin'ireo lehilahy izay nofehezin'ireo demonia. <sup>34</sup> Indro, nivoaka ireo tao an-tanàna rehetra mba hihaona amin'i Jesosy. Rehefa hitan'izy ireo Izy, dia nangataka Azy mba handao ny faritanin'izy ireo.

**Matthew 8:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara izay ahitana tatitra maromaro momba an'i Jesosy manasitrana olona. Mitohy hatrany amin'ny toka faha 9:35 ity lohahevitra ity.

**Rehefa nidina avy eny an-tendrombohitra Jesosy, dia vahoaka maro no nanaraka Azy**

"Taorian'ny nidinan'i Jesosy avy any tampo-kavoana, dia nisy vahoaka maro be nanaraka Azy." Mety ho tafiditra ao amin'ilay vahoaka na ireo olona niaraka taminy teny an-tendrombohitra na ireo tsy niaraka taminy.

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hitenenana izany ny fiteninanao.

**boka iray**

"lehilahy nisy habokana" na "lehilahy iray marary hoditra" (UDB)

**niankohoka teo anoloany**

Io dia mariky ny fanetre-tena sy haja manoloana an'i Jesosy.

**raha sitrakao**

"raha tianao." Fantatr'ilay boka fa nanana hery hanasitrana azy i Jesosy, saingy tsy fantany raha te hikasika azy i Jesosy.

**afaka manadio ahy Ianao**

Eto ny hoe "manadio" dia midika hoe sitrana ary afaka miaina ao amin'ny fiarahamonina indray. DH: "afaka manasitrana ahy Ianao" na "mba sitrano re aho" (UDB)

**Mahadiova**

Tamin'ny fitenenana izany no nanasitrana an'i Jesosy ilay lehilahy.

**Teo no ho eo**

'avy hatrany'

**nadio tamin'ny fahabokany izy**

Ny vokatra ny fitenenan'i Jesosy hoe "Mahadiova" dia ny fahasitrana ilay lehilahy. Azo adika io hoe DH: "sitrana izy" na "afaka taminy ny habokana" na "vita teo ilay habokana"

**Matthew 8:4****taminy**

Manondro ilay lehilahy nositrana an'i Jesosy io.

**Aoka mba tsy hilaza na inona na inona na amin'iza na amin'iza**

"aza miteniteny amin'iza na iza" na "aza miteny amin'iza na iza fa nositrana ianao"

**asehoy amin'ny mpisorona ny tenanao**

Ny lalàn'ny Jiosy dia mitaky ny olona iray mba hamposeho ny hoditra sitrana amin'ireo mpisorona, izay hamela azy hiverina eny amin'ny fiarahamonina indray, mba hiaraka amin'ireo olona hafa.

**atolory ilay fanatitra izay nodidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo**

Ny lalàn'i Mosesy dia mitaky ny olona sitran'ny habokana mba hanolotra fanati-pisaorana eo amin'ny mpisorona. Rehefa neken'ny mpisorona ny fanatitra, dia ho fantatra ny olona fa sitrana ilay lehilahy. Voahilikilky ny fiarahamonina ireo boka, mandra-pisian'ny porofon'ny fahasitrana an'izy ireo.

**amin'izy ireo**

Izany dia mety manondro 1) ireo mpisorona na 2) ny olona rehetra na 3) ireo mpitsikera an'i Jesosy. Raha azo atao, mampiasa mpisolo tena izay manondro an'ireo vondrona rehetra ireo.

**Matthew 8:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Miova toerana sy fotoana hafa indray ny tantara eto ary mitantara an'i Jesosy manasitrana olona hafa.

**nanatona Azy ny kapiteny iray ary nanontany Azy**

Ny hoe "Azy" eto dia manondro an'i Jesosy.

**malemy**

Olona tsy afa-mihetsika nohon'ny aretina na nohon'ny famelezana.

**Hoy Jesosy taminy hoe**

"Hoy Jesosy tamin'ilay kapiteny hoe"

**Ho avy Aho ary hanasitrana azy.**

"Ho avy any an-tranonao Aho ary hanasitrana ny mpanomponao"

**Matthew 8:8****ao ambany tafon-tranoko**

"ao an-tranoko"

**teneno fotsiny ny teny**

Eto ny "teny" dia manambara didy. DH: "mandidia"

**izay napetraka ao ambany fahefana**

Azo atao hoe DH: "Izay ao ambanin'ny fahefan'olon-kafa"

**ao ambany fahefana ... feheziko**

Ny hoe "ambany" fahefan'ny olona dia midika hoe latsa-danja kokoa ary mankatoka ny baikon'ny olona iray izay manan-danja kokoa.

**miaramila**

"mpiady mahay"

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezaneny io.

**tsy mbola nahita olona nanam-pinoana toy izany Aho teto Israely**

Nihevitra ireo mpiaino an'i Jesosy fa ny Jiosy tao Israely, izay milaza fa zanak'Andriamanitra, dia manana finoana lehibe nohon'ny olon-drehetra. Manambara i Jesosy fa diso fihevitra izy ireo ary ny finoan'ilay kapiteny dia lehibe kokoa.

**Matthew 8:11****aminareo**

to ny hoe "-nareo" dia maneho olona maro ary manondro "ireo nanaraka Azy" ao amin'ny 8:8.

**avy any atsinanana sy avy any andrefana**

Ireo teny mifanohitra hoe "antsianana" sy "andrefana" dia fomba hilazana ny hoe "na aiza na aiza" na "avy any amin'ny lalan-davitra rehetra"

**hipetraka eo an-databatra**

Fomban'ny olona tamin'izany ny mipetaka eo akaiky ny latabatra rehefa mihinana. Milaza io fehezanteny io fa ireo izay miara-mipetraka eo an-databatra dia mpianakavy na mpinamana akaiky. Ny fomba hiresahana ny amin'ny fifaliana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra matetika dia toy ny hoe mifety ny olona any. DH: "miaraka miaina toy ny mpianakavy sy mpianamana"

**any amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "hiara-belona amin'Andriamanitra any an-danitra rehefa miseho tahaka ny mpanjaka Izy"

**ireo zanaky ny fanjakana dia hatsipy**

Afaka atao hoe DH: "Hatsipin'Andriamanitra ireo zanaky ny fanjakana"

**ireo zanaky ny fanjakana**

Ny fehezanteny hoe "zanaky ny" eto dia zanaky ny fanjakan'Andriamanitra. Misy fitsimbadihan-javatra eto satria ireo "zanaky" ny fanjakana indray no hatsipy any ivelany raha hampandrosoana kosa ireo mpivahiny. DH: "ireo izay tokony namela an'Andriamanitra hanapaka eo amin'izy ireo."

**ivelan'ny aizina lavitra any**

Io fomba fiteny io dia maneho ny anjaran'ireo izany nandà an'Andriamanitra mandrakizay. DH: "toerana maizina lavitra an'Andriamanitra" na "helo"

**fitomaniana sy fikitroha-nify**

Maneho alahelo sy fahoriana lehibe io.

**aoka izany ho atao ho anao**

Azo atao hoe DH: "koa ho ataoko ho anao izany"

**sitrana tamin'izany ora izany mihitsy ilay mpanompo**

Azo atao hoe DH: "nositratin'i Jesosy ilay mpanompo"

**izany ora izany mihitsy**

"tamin'ny fotoana maraina nilazan'i Jesosy fa ho sitraniny ilay mpanompo"

**Matthew 8:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Miova toerana sy fotoana hafa indray ny tantara eto ary mitantara an'i Jesosy manasitrana olona hafa.

**Rehefa niditra ... Jesosy**

Mety niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianatra, fa ny ivon'ity tantara ity dia eo amin'izay natao sy nolazain'i Jesosy, koa mba hialana amin'ny fandikana diso dia aza mampiditra ny hoe mpianatra raha tsy tena ilaina.

**rafozam-bavin'i Petera**

"ny renin'ny vadin'i Petera"

**niala taminy ny tazo**

Azo adika hoe DH: "Niahatsara izy" na "Nositratin'i Jesosy Izy"

**nitsangana**

"niarina teo am-pandriana"

**Matthew 8:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto dia miova indray ny tanatara ary mitantara momba an'i Jesosy manasitrana olona maro hafa ary mandroaka demonia.

**Fampahafantarana amin'ny anakapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 17, ny mpanoratra dia milaza ny tenin'Isaia mpaminany mba hampisehoana fa ny asa fanompoan'i Jesosy amin'ny fanasitrana dia fahatanterahan'ny faminiana.

**Rehefa tonga ny hariva**

Satria tsy niasa na nanao dia andro Sabata ny Jiosy, dia mety midika hoe taorian'ny Sabata ny hoe "hariva." Niandry hatramin'ny hariva izy ireo mba hitondrana olona eo amin'i Jesosy. Tsy mila manonona ny hoe Sabata ianao.

**maro ireo nofehezin'ny demony**

Azo atao hoe DH: "maro ireo izay no fatoran'ny devoly"

**Nandroaka ireo fanahy tamin'ny teny Izy**

Eto ny hoe "teny" dia ilazana didy. DH: "Nandidy ireo fanahy hiala Izy"

**nahatanteraka izay nambara tamin'Isaia mpaminany, nanao hoe**

Azo atao hoe. DH: "Tanterak'i Jesosy ny faminaniana izay nambaran'Isaia mpaminany tamin'ireo vahoakan'Israely"

**naka ny faharariantsika sy nitondra ireo aretintsika**  
Milaza ny tenin'Isaia i Matio. Mitovitovy ny hevitr'ireo fehezanteny roa ireo ary manindry mafy fa nanasitrana ny aretintsika rehetra Izy. DH: "nanasitrana ireo marary ary nampahatonga azy ireo hihatsara"

### Matthew 8:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto dia miova indray ny tanatara ary milaza ny amin'ny navalin'i Jesosy ireo olona sasany izay te hanaraka Azy.

**Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**nanome toromarika**

"niteny tamin'ireo mpianatra Izy"

**Avy eo**

Midika io hoe taorian'ny "nanomezan'i Jesosy toromarika" saingy talohan'ny nidirany tao an-tsambokely.

**na aiza na aiza alehanao**

"any amin'ny toerana rehetra"

**Ny amboahaolo manan-davaka, ary ireo voron'ny lanitra manana akany**

Namaly tamin'ny alalan'ity ohabolana ity i Jesosy. Midika io fa na dia ny biby dia aza dia manana toerana hitsaharana.

**amboahaolo**

Bby tahaka ny amboho ny amboahaolo. Mihinana ireo vorona any amin'ny ankaniny izy ary biby madinika hafa koa. Raha tsy misy mahafantatra eo amin'ny faritrao ny amboahaolo, dia mampiasa teny izay ilazana ny mitovitovy amin'ny alika na biby misy volony amin'ny ankapobeny.

**manan-davaka**

Mandavaka lavaka eo amin'ny tany ny amboahaolo mba hipetrahany. Ampisao ny teny izay mifanaraka tsara amin'ny toerana ipetrahany ilay biby nanoloanao ny "amboahaolo."

**Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany i Jesosy.

**tsy manana na aiza na aiza ampandriana ny lohany**  
Ilazana ny teorana hatoriana io. DH: "tsy manana ny toerany manokana mba hatoriana"

### Matthew 8:21

**avelao aho aloha andeha ary andevina ny raiko**

Tsy fantatra mazava raha efa maty ny rain'io lehilahy io ary andeha handevina azy avy hatrany izy, na te hijanona elaela kokoa ilay lehilahy mandra-pahafatin'ny rainy mba hahafahany mandevina azy avy eo. Fa ny hevi-dehibe dia hoe te hanao zavatra hafa aloha ilay lehilahy alohan'ny hanarahany an'i Jesosy.

**avelao ny maty andevina ny maty ao aminy manokana**

Tsy miteny ara-bakiteny i Jesosy hoe handevina ireo maty hafa ny maty. Ireo mety ho dikan'ny hoe "maty" dia: 1) sarin-teny ilazana ireo izay efa ho faty, na 2) sarin-teny ilazana ireo izay tsy manaraka an'i Jesosy ka maty ara-panahy. Ny tena hevi-dehibe dia hoe tsy mahazo mamela na inona na inona hampitaredretra azy tsy hanaraka an'i Jesosy ny mpianatra iray.

### Matthew 8:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto ny tantara dia mivadika mankany amin'ny tatitra momba an'i Jesosy mampitony ny tafiotra raha niampita ny Ranomasin'i Galilia.

**niditra tao amin'ny sambokely**

"nandeha nankao an-tsambokely"

**nanaraka Azy tao anatin'io ireo mpianany**

Miezaha mampiasa ny teny mitovy amin'ilay nampiasanao tao amin'ny (8:21) ilazana ny hoe "mpianatra" sy "manaraka."

**Indro**

Manamarika fanombohana tranga iray ao amin'ilay tanatara io. Mety manana fomba hafa hanehoana izany ny fiteninanao. DH: "Tampoka teo" (UDB) na "Tsy nisy nanampo"

**nisy tafio-drivotra lehibe nitranga teo amin'ny ranomasina**

Azo atao hoe DH: "nisy tafio-drivotra mahery niforona teo amin'ny ranomasina"

**ka dia rakotry ny onja ny sambo**

Azo atao hoe DH: "ka nanarona ny sambokely ny onja"

**namoha Azy, nanao hoe: "Vonjeo"**

Ireo mety ho dikany dia 1) namoha an'i Jesosy ilay voalohany ary niteny izy ireo avy eo hoe: "Vonjeo izahay" na 2) teo am-pamohazana an'i Jesosy izy ireo, dia niteny hoe "Vonjeo."

### Matthew 8:26

**tamin'izy ireo**

"tamin'ireo mpianatra"

**Nahoana ianareo no matahotra ... finoana**

Niteny mafy tamin'ireo mpianatra tamin'ny alalan'ity fanontaniana tsy valiana ity i Jesosy. DH: "tsy tokony hatahotra ianareo ... finoana" na "Tsy misy tokony hatahoranareo ... finoana."

**ry kely finoana**

"kely tahaka izao ny finoanareo." Mibedy ireo olona i Jesosy satria kely ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. Jereo hoe ahoana no nandikanao an'io tao amin'ny 6:30.

**Fa karazana lehilahy inona ity, fa na dia ny rivotra sy ranomasina aza mankatoa Azy?**

"Na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza dia mankatoa Azy! Fa karazan'olona inona ity? Io fanontaniana tsy valiana io dia mampiseho fa talanjona ireo mpianatra. DH: "Tsy tahaka ny olona rehetra izay efa hitantsika hatrizay ity lehilahy ity! Na ny rivotra sy ny onja aza dia manaiiky Azy!"

**na dia ny rivotra sy ranomasina aza mankatoa Azy**

Raha olona na biby, dia tsy mahagaga ny fankatoavana, fa ho an'ny rivotra sy ny rano dia tena mahagaga. Io teny io dia mamaritra ny singa voajanahary ho toy ny olona afaka mandre sy mamaly.

**Matthew 8:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto ny mpanoratra dia miverina amin'ny lohahevitra momba an'i Jesosy manasitrana olona. Eto dia manomboka ny tatitra momba an'i Jesosy manasitrana lehilahy roa voafatotry ny demonia.

**teny ampita**

"teny ampitan'ny Ranomasin'i Galilia"

**tanànan'ny Gadarenesa**

Nomena anarana avy tamin'ny tanànan'i Gadara ny hoe Gadarenesa.

**lehilahy roa izay nofeheziny ny demonia**

Azo atao hoe DH: "lehilahy roa izay nofatoran'ny demonia"

**Izy ireo ... tena nahery setra ... tsy nisy mpandeha afaka nandalo izany lalana izany**

Ireo demonia izay namatotra ireo lehilahy roa dia tena loza be tokoa hany ka tsy nisy afaka nandalo teo amin'io faritra io.

**Indro**

Manamarika fanombohana tranga iray ao amin'ilay tanatara io. Mety manana fomba hafa hanehoana izany ny fiteninao.

**Moa mpifaninona akory izahay sy Ianao, ry Zanak'Andriamanitra?**

Mampiasa fanontaniana ireo demonia saingy fahavalo izy ireo manoloana an'i Jesosy. DH: "Aza mampijaly anay, ry Zanak'Andriamanitra!"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'i Jesosy io, izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**Tonga eto va Ianao hampihorohoro anay mialohan'ny fotoana voatondro?**

Mampiasa fanontaniana amin'ny fomba mifandrafy indray ireo demonia. DH: "Tsy tokony tsy hankatoa an'Andriamanitra amin'ny famaizana anay mialohan'ny fotoana voatondron'Andriamanitra hamaizany anay Ianao!"

**Matthew 8:30****Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina mba hanamarika fiatoana eo amin'ny fizotran'ny tantara. Eto i Matio dia manome fampahafantara fototra momba ireo kisoa izay teo talohan'ny nahatongavan'i Jesosy.

**Raha mandroaka anay Ianao**

Midika izany fa fantatr'ireo demonia fa handroaka azy ireo i Jeosy. DH: "Satria handeha handroaka anay Ianao"

**anay**

Ireo demonia ihany no voalaza amin'io.

**tamin'izy ireo**

Manondro ireo demonia ao anatin'ireo lehilahy io.

**Dia nivoaka ireo demonia ka nankao amin'ireo kisoa**

"Niala tamin'ireo lehilahy ireo demonia ary niditra tao amin'ireo kisoa"

**indro**

Io dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny tranga mahatalanjona manaraka eo.

**nirifatra nidina ny tendrombohitra mideza**

"nihazakazaka faingana tanaty hantsana"

**maty tao anaty rano**

"nidoboka tao anaty rano izy ireo ka maty an-drano"

**Matthew 8:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no mamarana ny tatitra momba an'i Jesosy manasitrana lehilahy anankiroa voafatotry ny demonia.

**izay nitranga tamin'ireo lehilahy izay nofeheziny ireo demonia**

Azo atao hoe DH: "izay nataon'i Jesosy mba hanampiana ireo lehilahy nofatoran'ny demonia"

**Indro**

Io dia manamarika ny fanombohan-tranga vaovao ao amin'ny fizotran'ny tanatara. Mety hisy olona hafa noho ny teo aloha ho tafiditra ao. Mety manana fomba hanehoana izany ny fiteninao.

**tanàna rehetra**

Ny olona avy ao an-tanàna no tiana lazaina amin'io.  
Ny ankamaroan'ny olona na olona maro no nankeo  
amin'i Jesosy fa tsy voatery hoe ny olona rehetra.

**faritanin'izy ireo**

"Ny faritr'izy ireo"



## Chapter 9

<sup>1</sup> Niditra tao an-tsambokely Jesosy, niampita, ary tonga tao amin'ny tanànanany. <sup>2</sup> Indro, nisy lehilahy mararin'ny paralisisa nandry teo am-pandriana noentin'izy ireo teo Aminy. Rehefa nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy mararin'ny paralisisa hoe: "Anaka, aoka ianao hifaly. Efa voavela ny helokao." <sup>3</sup> Indro, ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna nanao anakampo hoe: "Miteny ratsy io lehilahy io." <sup>4</sup> Fantatr'i Jesosy ny eritreritr'izy ireo ary niteny hoe: "Nahoana ianareo no mieritreri-dratsy ao amponareo?" <sup>5</sup> Fa iza no moramora kokoa no miteny azy hoe: 'Voavela ny helokao,' sa ny miteny hoe: 'mitsangàna ka mandehana?' <sup>6</sup> Fa mba ho fantatrareo fa ny zanak'olona dia manana fahefana hamela heloka eto ambonin'ny tany..." hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralisisa hoe: "Mitsangàna, batao ny fandrianao, ary mandehana any an-tranonao." <sup>7</sup> Avy eo nitsangana ilay lehilahy ary nankany an-tranony. <sup>8</sup> Rehefa nahita izany ny vaohaka, dia gaga izy ireo ary nidera an'Andriamanitra, izay nanome fahefana tahaka izany ho an'ny olona. <sup>9</sup> Ary raha niala avy teo Jesosy, dia nahita lehilahy nantsoina hoe Matio Izy, izay nipetraka teo amin'ny lain'ny famorian-ketra. Hoy Izy taminy hoe: "Manaraha Ahy." Nitsangana izy ary nanaraka Azy. <sup>10</sup> Ary raha nipetraka hihinana tao an-trano Jesosy, indro, mpamory hetra sy olona mpanota maro tonga ary niara-nihinana tamin'i Jesosy sy ireo mpianany. <sup>11</sup> Rehefa nahita izany ireo fariseo, dia niteny tamin'ireo mpianany izy ireo hoe: "Nahoana ny mpampianatrareo no miara-mihinana amin'ny mpamory hetra sy ny olona mpanota?" <sup>12</sup> Rehefa nandre izany Jesosy, dia hoy Izy hoe: "Ny olona matanjaka ara-batana dia tsy mila mpitsabo, fa ireo izay marary ihany. <sup>13</sup> Tokony mandeha mianatra ianareo ny dikan'ny hoe: 'Famindram-po no iriako fa tsy sorona.' Fa tonga Aho, tsy hiantso ireo marina hibe-baka, fa ireo mpanota." <sup>14</sup> Avy eo nanatona azy ireo mpianatr'i Jaona ka niteny hoe: "Nahoana izahay sy ireo fariseo no mifady hanina matetika, fa ireo mpianatrao kosa tsy mba mifady?" <sup>15</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mety alahelo ve ireo havan'ny mpampakatra, raha mbola miaraka eo amin'izy ireo ny mpampakatra? Fa ho avy ny andro hangalana ny mpampakatra eo amin'izy ireo, dia amin'izay izy ireo vao hifady hanina. <sup>16</sup> Tsy misy olona manampina akanjo tonta amin'ny tapa-damba vaovao, fa ny tampina handrovitra ny lamba, ary hisy tritra ratsy lavitra. <sup>17</sup> Tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta. Raha manao izany izy ireo, dia ho triatra ny siny hoditra, ho raraka ny divay ary ho potika ny siny hoditra. Fa kosa, manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra vaovao izy ireo, ary ho voatahiry izy roa." <sup>18</sup> Raha mbola niteny ireo zavatra ireo tamin'izy ireo Jesosy, dia indro, nisy manam-pahefana anankiray tonga ka niankohoka teo aminy. Niteny izy hoe: "Maty izao ankehitriny izao ny zanako vavy, fa tongava ary apetraho eo aminy ny tananao, dia ho velona izy." <sup>19</sup> Avy eo nitsangana Jesosy ary nanaraka azy, dia nanao toy izany koa ireo mpianany. <sup>20</sup> Indro, nisy vehivavy izay efa mandeha rà nandritra ny roa ambin'ny folo taona, nankao aorian'i Jesosy ary nikasika ny moron'akanjony. <sup>21</sup> Fa hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Raha mahavoakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana." <sup>22</sup> Fa nitodika Jesosy ka nahita azy, dia niteny hoe: "Ry zanako vavy, mahereza; ny finoanao no nahasitrana anao." Ary sitrana ilay vehivavy nanomboka tamin'io ora io. <sup>23</sup> Rehefa tonga tany amin'ny tranon'ilay manam-pahefana Jesosy, dia nahita ireo mpitsoka sodina sy ireo vahoaka nitabataba be Izy. <sup>24</sup> Dia hoy Izy hoe: "Mandehana, fa tsy maty ilay zazavavy, fa matory izy." Fa nihomehy Azy tamin'ny fanesoana izy ireo. <sup>25</sup> Rehefa navoaka tany ivelany ny vaohaka, dia niditra tao an'efitra Izy ary nandray azy tamin'ny tanana, ary nitsangana ilay zazavavy. <sup>26</sup> Niely nanerana ny faritra rehetra ny vaovao momba izany. <sup>27</sup> Ary raha niala teo Jesosy, dia nisy jamba roa lahy nanaraka Azy. Tsy nitsahatra niantso izy ireo sady niteny hoe: "Mamindrà fo aminay, ry zanak'i Davida!" <sup>28</sup> Rehefa tonga tao an-trano Jesosy, dia nanatona Azy ireo lehilahy jamba. Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mino ve ianareo fa mahay manao izany Aho?" Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Eny, Tompo." <sup>29</sup> Avy eo nokasihan'i Jesosy ny mason'izy ireo ary niteny hoe: "Ho tanteraka aminareo araka ny finoanareo anie izany," <sup>30</sup> ary nahiratra ny mason'izy ireo. Avy eo Jesosy nandidy mafy azy ireo ary niteny hoe: "Aoka mba tsy hisy olona ahafantatra momba izao." <sup>31</sup> Fa mandeha ireo roa lahy ka nampielany ny vaovao momba izany nanerina izany faritra izany. <sup>32</sup> Ary raha mandeha ireo roa lahy, dia indro, nisy lehilahy moana nitoeran'ny demonia noentina teo amin'i Jesosy. <sup>33</sup> Ary rehefa navoaka ilay demonia, dia niteny ilay lehilahy moana. Gaga ny vahoaka ka niteny hoe: "Tsy mbola fahita hatrizay tamin'Isiraely izao!" <sup>34</sup> Fa hoy ireo fariseo hoe: "Tamin'ny fanapahan'ireo demonia, no namoahany ireo demonia." <sup>35</sup> Mandeha nitety ireo tanàn-dehibe sy ireo vohitra rehetra Jesosy. Nanohy nampianatra tany amin'ireo synagogan'izy ireo Izy, nitony ny filazantsaran'ny fanjakana, ary nanasitrana ireo karazan'aretina rehetra sy ireo karazana fahararina rehetra. <sup>36</sup> Rehefa nahita ireo vahoaka Izy, dia nanana fangoraham-po tamin'ireo, satria niahiahy sy kivy izy ireo. Tahaka ny ondry tsy misy mpiandry izy ireo. <sup>37</sup> Dia hoy izy tamin'ireo mpianany hoe: "Betsaka ny vokatra, fa ireo mpiasa no vitsy. <sup>38</sup> Noho izany mivavaha faingana amin'ny Tompon'ny vokatra, mba andefasany mpiasa eny amin'ny vokatrany."

**Matthew 9:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Miverina amin'ilay lohahevitra izay niantomboka tao amin'ny toko 8:1 ny mpanoratra, izay momba an'i Jesosy manasitrana olona. Manomboka amin'ny tatitra momba an'i Jesosy manasitrana lehilahy voan'ny parolysisa ity.

**Niditra tao an-tsambokely Jesosy**

Misy hevitra ambadika io fa niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianatra.

**an-tsambokely**

Mety ho ilay sambokely tao amin'ny toko 8:23 ihany io. Raha ilaina ihany vao tokony hamaritra izany ianao mba hialana amin'ny fifangaroana.

**tao amin'ny tanànanany**

"tao amin'ny tanàna nipetrahany." Maneho an'i Kapernaomy io.

**Indro**

Io dia manamarika ny fanomboahan-tranga vaovao ao amin'ny fizotran'ny tanatara. Mety hisy olona hafa noho ny teo aloha ho tafiditra ao. Mety manana fomba hanehoana izany ny fiteninanao.

**noentin'izy ireo**

"lehilahy maromaro avy ao an-tanàna"

**ny finoan'izy ireo**

Maneho ny finoan'ireo lehilahy io ary mety ho tafiditra ao amin'izany koa ny finoan'ilay lehilahy mararin'ny parolysisa.

**Anaka**

Tsy tena zanak'i Jesosy akory ilay lehilahy. Fa niteny taminy tamim-pahalalam-pomba i Jesosy. Raha mifangaro aminao izany, dia afaka adika koa hoe "Ry namako" na "ry lehilahy" na afaka esorina koa aza.

**voavela ny helokao**

Azo atao hoe DH: "Navelako ny fahotanao"

**Matthew 9:3****Indro**

Io dia manamarika ny fanomboahan-tranga vaovao ao amin'ny fizotran'ny tanatara. Mety hisy olona hafa noho ny teo aloha ho tafiditra ao. Mety manana fomba hanehoana izany ny fiteninanao.

**anakampo**

Ireo mety ho dikany dia 1) izay nieritreretin'ny tsirairay, na 2) izy ireo dia nifampiresaka teo amin'izy ireo.

**Miteny ratsy**

Jesosy dia nilaza fa mahavita manao zavata izay noeritreretin'ireo mpanora-dalàna fa Andriamanitra ihany no afaka manao azy.

**ny eritreritr'izy ireo**

Fantatr'i Jesosy tamin'ny fomba mihoatra ny voajanahary izay noeritreretin'izy ireo, na satria hitany nifampiresaka izy ireo.

**Nahoana ianareo no mieritreri-dratsy ao am-ponareo?**

Nampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hananarana ireo mpanora-dalàna.

**ratsy**

Faharatsiana ara-moraly io na faharatsiam-panahy, fa tsy fahadisoana fotsiny ihany.

**ao am-ponareo**

Eto ny "fo" dia ilazana ny saina na eritreritr'izy ireo.

**Fa iza no moramora kokoa no miteny azy hoe: 'Voavela ny helokao,' sa ny miteny hoe: 'mitsangàna ka mandehana?'**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampitandrina ireo mpanora-dalàna. Tsy hoe misy asa iray izay sarotsarotra kokoa ho Azy ny manao izany mihoatra ny iray hafa. Mampatsiahy ireo mpanora-dalàna Izy hoe mino izy ireo fa rehefa manasitrana olona iray Andriamanitra dia midika izany fa navelany ny helony. DH: "Fa fantatreo fa mora toy ny miteny hoe: 'Voavela ny helokao,' ny miteny hoe: 'Mitsangàna ary mandehana'."

**iza no moramora kokoa no miteny azy hoe: 'Voavela ny helokao,' sa ny miteny hoe: 'mitsangàna ka mandehana?'**

Azo atao hoe DH: "mora toy ny milaza amin'ny olona iray fa voavela ny helony, ny miteny aminy mba hitsangana ary handeha"

**Voavela ny helokao**

Azo atao koa hoe DH: "Navelako ny helokao"

**mba ho fantatrareo**

"ho porofoiko aminareo"

**mandehana any an-tranonao**

Tsy mandrara ilay lehilahy handeha any an-toeran-kafa i Jesosy. Fa manome fahafahana ho an'ilay lehilahy mba handeha hody Izy.

**Matthew 9:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no mamarana ny tatitra momba an'i Jesosy manasitrana lehilahy iray voan'ny parolysisa. Avy eo Jesosy dia miantso mpamory hetra iray mba ho isan'ireo mpianany.

**izay nanome**

"satria izy dia nanome"

**fahefana tahaka izany**

Maneho ilay fahefana manambara fa voavela ny heloka izany.

**raha niala avy teo Jesosy**

Io fehezanteny io dia manomboka fizaran-tantara vaovao. Raha manana fomba hanaovana izany ny fiteninaho, dia ezaho ampiasaina eto izany.

**niala**

"nandeha"

**Matio ... izy ... izy**

Ny fiangonana dia milaza fa io Matio io no mpanoratra ity Filazantsara ity, saingy tsy misy antony hanovana ny mpisolotena "izy" sy "azy" ho lasa "izaho" sy "ahy" ao amin'ny lahatsoratra.

**Hoy Izy taminy hoe**

"Hoy Jesosy tamin'i Matio"

**Nitsangana izy ary nanaraka Azy**

"Nitsangana i Matio ary nanaraka an'i Jesosy." Midika izany fa lasa mpianatr'i Jesosy i Matio.

**Matthew 9:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Niseho tao amin'ny tranon'i Matio mpamory hetra ny tantara.

**tao an-trano**

Mety ho tranon'i Matio io, saingy mety ho tranon'i Jesosy koa. Raha tena ilaina ihany vao farito ,mba hialana amin'ny fifangaroana.

**indro**

Io dia manamarika ny fanomboahan-tranga vaovao ao amin'ny fizotran'ny tanatara. Mety hisy olona hafa noho ny teo aloha ho tafiditra ao. Mety manana fomba hanehoana izany ny fiteninaho.

**Rehefa nahita izany ireo fariseo**

"Rehefa hitan'ireo Fariseo fa nihinana niaraka tamin'ny mpamory hetra sy olona mpanota i Jesosy"

**Nahoana ny mpampianatrarao no miara-mihinana amin'ny mpamory hetra sy ny olona mpanota?"**

Mampiasa io fanontaniana io ireo fariseo mba hitsikerana izay ataon'i Jesosy.

**Matthew 9:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Niseho tao an-tranon'i Matio mpamory hetra ireto tantara ireto.

**Rehefa nandre izany Jesosy**

Eto ny hoe "izany" dia maneho ny fanontaniana napetrak'ireo Fariseo momba an'i Jesosy nihinana niaraka tamin'ny mpamory hetra sy ny mpanota.

**Ny olona matanjaka ara-batana dia tsy mila mpitsabo, fa ireo izay marary ihany**

Mamaly amin'ny alalan'ny ohabolana i Jesosy. Ny tiany ho lazaina dia miara-mihinana amin'ireo karazan'olona ireo Izy satria tonga mba hanampy ny mpanota.

**olona matanjaka ara-batana**

"Olona salama"

**mpitsabo**

"dokotera" (UDB)

**ireo izay marary**

Ny teny hoe "mila mpitsabo" dia efa fantatra. DH: "ireo olona marary no mila mpitsabo"

**Tokony mandeha mianatra ianareo ny dikan'ny hoe**

Hilaza ny teny ao amin'ny soratra masina i Jesosy. DH: "Tokony hianatra ny hevitr'ilay lazain'Andriamanitra ao amin'ny soratra masina ianareo"

**Tokony mandeha ... ianareo**

Manondro ireo Fariseo eto ny noe "ianareo."

**Famindram-po no iriako fa tsy sorona**

Milaza ny nosoratan'i Hosea mpaminany ao amin'ny soratra masina i Jesosy. Eto, ny mpisolotena tampisaka "-ko" dia manondro an'Andriamanitra.

**Fa tonga Aho**

Ny "aho" eto dia manondro an'i Jesosy.

**ireo marina**

Mampiasa eso-teny i Jesosy eto. Tsy mihevitra Izy fa misy olona marina ka tsy mila mibebaka. DH: "ireo izay mihevi-tena ho marina"

**Matthew 9:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mametra-panontaniana ny amin'ny tsy fifadian'ireo mpianatr'i Jesosy hanina ireo mpianatr'i Jaona.

**tsy mba mifady**

"manohy mihinana ara-dalàna"

**Mety alahelo ve ireo havan'ny mpampakatra, raha mbola miaraka eo amin'izy ireo ny mpampakatra?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ireo mpianatr'i Jaona. Fantatr'izy rehetra fa tsy misaona na mifady hanina ny olona any amin'ny fampakaram-bady. Mampiasa io ohabolana io i Jesosy mba hampisehoana fa tsy misaona ny mpianany satria mbola miaraka amin'izy ireo Izy.

**Fa ho avy ny andro**

"Fa ho avy ny fotoana"

**hangalana ny mpampakatra eo amin'izy ireo**

Azo atao hoe DH: "tsy ho afaka ny hiaraka amin'izy ireo intsony ny mpampakatra" na "hisy haka lavitra azy ireo ny mpampakatra"

**hangalana**

Mety milaza ny fahafatesany manokana i Jesosy, fa tsy tokony hatao mazava eto amin'ny dikan-teny izany. Mba hitazonana ny sarin-tenin'ny fampakaram-bady, ny tsara indrindra dia ny milaza tsotra fa tsy ho eo intsony ny mpampakatra.

**Matthew 9:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ny fanontaniana napetrak'ireo mpianatr'i Jaona i Jesosy.

**Tsy misy olona manampina akanjo tonta amin'ny tapa-damban'akanjo vaovao**

Io ohabolana io dia midika fa ny olona izay mahafantatra ireo fomba taloha dia tsy maika ny handray ireo vaovao.

**ny tampina**

"ilay tapa-damba voaovao." Io no tapa-damba ampiasaina hanampiana ny goaka eo amin'ilay akanjo tonta.

**ary hisy tritra ratsy lavitra**

Azo atao hoe DH: "ary hahatonga ilay triatra ho ratsy lavitra izany"

**Matthew 9:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ny fanontaniana napetrak'ireo mpianatr'i Jaona i Jesosy.

**Tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta**

Mampiasa ohabolana iray hafa i Jesosy mba hamaliana ireo mpianatr'i Jaona. Mitovy hevitra amin'ilay ohabolana ihany io.

**Tsy misy olona manisy**

"Ary tsy misy na iza na iza mandraraka" (UDB) na "Ny olona dia tsy mba manisy"

**divay vaovao**

Ilazana ny divay mbola tsy nialon'andro io. Raha tsy fantatra eo amin'ny faritra misy anao ny voaloboka, dia mampiasa teny ilazana voankazo amin'ny ankapobeny. DH: "ranom'boaloboka"

**siny hoditra tonta**

Ilazana ny siny hoditra izay efa niasa imbetsaka io.

**siny hoditra**

"fasiana divay" na "fasiana divay vita amin'ny hoditra." Fasiana vita avy amin'ny hoditra biby ireo.

**ho triatra ny siny hoditra, ho raraka ny divay**

Azo atao hoe DH: "hamotika ny siny hoditra izany ary hampiraraka ny divay"

**ho potika ny siny hoditra**

Rehefa mialon'andro sy mitombo ny divay vaovao, dia triatra ny siny hoditra satria tsy afaka mihitatra intsony.

**siny hoditra vaovao**

"fasiana divay vaovao." Ilazana ny siny hoditra izay mbola tsy nisy nampiasa io.

**ho voatahiry izy roa**

Azo atao hoe DH: "hiaro ny siny hoditra sy ny divay izany"

**Matthew 9:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no manomboka ny tantaran'i Jesosy mamelona ny zanaky ny manam-pahefana Jiosy indray taorian'ny nahafatesany.

**ireo zavatra ireo**

Maneho ny valin-teny nomen'i Jesosy ireo mpianatr'i Jaona momba ny fifadian-kanina izany.

**indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

**niankohoka teo aminy**

Fomba hanehoan'ny olona iray fanajana tamin'ny kolotsain'ny Jiosy izany.

**tongava ary apetraho eo aminy ny tananao, dia ho velona izy**

Midika izany fa ilay manam-pahefana Jiosy dia nino fa nanana fahefana hamelona ny zanany vavy indray i Jesosy.

**ireo mpianany**

"ireo mpianatr'i Jesosy"

**Matthew 9:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity dia mamaritra ny nanasitranan'i Jesosy vehivavy iray hafa raha mbola teny an-dalana ho an-tranon'ilay manam-pahefana Jiosy Izy.

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

**nandeha rà**

"nitsi-drà." Mety efa nandeha rà hatrany am-bohoka na dia mbola tsy fotoana ara-dalana ho an'izany aza izy. Mety misy kolontsaina manana fomba hilazana izany amin'ny fomba metimety kokoa.

**roa ambin'ny folo taona**  
"12 taona"

**Fa hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Raha mahavoakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana."**  
Efa nieritreritra an'izany izy mialohan'ny nikasihany an'i Jesosy.

**Raha mahavoakasika ny lambany fotsiny aho**  
Araka ny lalàn'ny Jiosy, satria nandeha rà izy dia tsy tokony nikasika na iza na iza. Nokasihiny ny akanjon'i Jesosy mba hanasitrana azy ny herin'i Jesosy ary (nieritreritra izy) tsy ho fantany fa nikasika Azy izy.

**Fa**  
"Kanefa kosa." Tsy nitranga ilay nantenain'ilay vehivavy hitranga.

**Ry zanako vavy**  
Tsy tena zanak'i Jesosy ilay vehivavy akory. Raha mampifangaro voraka izany, dia azo adika ihany koa hoe "ry vehivavy" na esorina mihitsy aza.

**ny finoanao no nahasitrana anao**  
"Satria nino Ahy ianao, dia hanasitrana anao Aho"

**sitrana ilay vehivavy nanomboka tamin'io ora io**  
Azo adika hoe DH: "Nositratin'i Jesosy tamin'izany fotoana izany izy"

## Matthew 9:23

**Famoifandraisana ny foto-kevitra:**  
Miverina amin'ilay tantaran'i Jesosy mamelona indray ilay zanaka vavin'ny manam-pahefana Jiosy izao.

**tranon'ilay manam-pahefana**  
Tranon'ilay mpitarika Jiosy io.

**ireo mpitsoka sodina sy ireo vahoaka nitabataba be**  
Fomba iraisana hisaonana olona iray izay maty io.

**mpitsoka sodina**  
"olona mitsoka sodina"

**Mandehana**  
Miresaka amin'olona maro i Jesosy.

**tsy maty ilay zazavavy, fa matory izy**  
Mampiasa kilalaoon-teny i Jesosy. Efa nalaza tamin'ny andron'i Jesosy ny fiantsoana ny olona maty hoe "matory." Saingy eto dia hitsangana ilay zazavavy maty, toy ny hoe natory fotsiny izy.

## Matthew 9:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ity no mamarana ny tantaran'i Jesosy namelona indray ny zanak'ilay manam-pahefana Jiosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny andininy faha 26 dia teny famehezana izay mamaritra vokatry ny fananganan'i Jesosy ilay zazavavy tamin'ny maty.

**Rehefa navoaka tany ivelany ny vaohaka**  
Azo atao hoe DH: "Taorian'ny namoahan'i Jesosy ireo vahoaka tany ivelany" na "Taorian'ny namoahan'ny fianakaviana ireo vahoaka tany ivelany"

**nitsangana**  
"nitsanga avy teo am-pandriana." Mitovy dika amin'ny ao amin'ny 8:14 io.

**Niely nanerana ny faritra rehetra ny vaovao momba izany**  
"Nandre izany ny olona rehetra avy ao amin'izany faritra izany" na "Ireo olona izay nahita fa velona ilay zazavavy dia nanomboka nilaza momba izany tany amin'ny faritra rehetra"

## Matthew 9:27

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ity indray no manomboka ny tantaran'i Jesosy nanasitrana lehilahy jamba anankiroa.

**Ary raha niala teo Jesosy**  
Raha nandao ny faritra i Jesosy

**niala teo**  
"nandao" na "nandeha"

**nanaraka Azy**  
Midika izany fa nanaraka avy ao aoriana izy ireo, fa tsy voatery hoe lasa mpianany akory.

**Mamindrà fo aminay**  
Ny hevitra fonosin'izany dia hoe tian'izy ireo i Jesosy mba hanasitrana azy ireo.

**zanak'i Davida**  
Tsy zanak'i Davida ara-bakiteny akory i Jesosy, koa azo adika hoe "taranak'i Davida" io. Na izany aza, ny hoe "zanak'i Davida" ihany koa dia fiantsoana ny Mesia, ary mety niantso an'i Jesosy araka izany fiantsoana izay ireo lehilahy.

**Rehefa tonga tao an-trano Jesosy**  
Mety ho tranon'i Jesosy io na ilay trano tao amin'ny 9:10.

**Eny, Tompo**  
Tsy feno tsara ny valin-tenin'izy ireo, saingy efa fantatra izany. DH: "Eny, ry Tompo, mino izahay fa afaka manasitrana anay ianao"

## Matthew 9:29

**nokasihan'i Jesosy ny mason'izy ireo ary niteny hoe**  
Tsy mazava eto raha niara-nokasihiny ny mason'ireo lehilahy anankiroa na nampiasa ny tanany

ankavanana Izy mba hikasihana ny iray avy eo vao ny an'ny iray hafa. Ara-pomba mantsy ny tanana ankavia dia nampiasaina ho amin'ny zavatra tsy madio ihany, ka ny tanany ankavanana no tokony ho nampiasainy. Tsy mazava ihany koa raha niteny teo am-pikasihana azy ireo Izy na nikasika azy ireo aloha vao niteny tamin'izy ireo.

**Ho tanteraka aminareo araka ny finoanareo anie izany**  
Azo atao hoe DH: "Ataoko araka izay ninoanareo" na "Satria nino ianareo, dia hanasitrana anareo Aho"

**nahiratra ny mason'izy ireo**  
Midika izany fa afaka nahita izy ireo. Azo adika hoe DH: "Nositrarin'Andriamanitra ny mason'izy ireo" na "afaka nahita ireo lehilahy jamba anankiroa"

**Aoka mba tsy hisy olona ahafantatra momba izao**  
Eto ny hoe "aoka" dia midika hoe "tandrema." DH: "Tandrema mba tsy hisy hahalala momba izao" na "Aza miteniteny amin'iza na iza fa nositrany ianareo"

**Fa**  
"Fa kosa." Tsy nanao izay notenenin'i Jesosy tamin'izy ireo ireo lehilahy.

**nampielany ny vaovao**  
"nilaza tamin'olona maro izay niseho tamin'izy ireo"

## Matthew 9:32

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ity no tantaran'i Jesosy nanasitrana lehilahy nitoeran'ny demonia izay tsy afaka niteny, sy ny nasetry ny olona izany.

**indro**  
Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteninanao.

**lehilahy moana ... noentina teo amin'i Jesosy**  
Azo atao hoe DH: "nisy olona nitondra lehilahy moana ... teo amin'i Jesosy"

**moana**  
tsy afaka niteny

**nitoeran'ny demonia**  
Azo atao hoe DH: "izay nofatoran'ny demonia" na "izay nofehezina'ny demonia"

**rehefa navoaka ilay demonia**  
Azo atao hoe DH: "Rehefa avy noteren'i Jesosy hivoaka ilay demonia" na "Rehefa avy nodidian'i Jesosy hiala ilay demonia"

**niteny ilay lehilahy moana**  
"nanomboka niteny ilay lehilahy moana" na "ilay lehilahy izay moana dia niteny" na "niteny, ilay lehilahy, izay tsy moana intsony"

**Gaga ny vahoaka**  
"Talanjona ireo olona"

**Tsy mbola fahita hatrizay**  
Azo atao hoe DH: "Tsy mbola niseho tany aloha mihitsy izao" na "Tsy mbola nisy nanao zavatra tahaka izao mihitsy tany aloha"

**namoahany ireo demonia**  
"manery ny demony hiala Izy"

**namoahany**  
Ny mpisolotena tampisaka "-ny" dia manondro an'i Jesosy.

## Matthew 9:35

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny andininy faha 35 no fiakaran'ny tantara momba ny asa fanasitranan'i Jesosy tany Galilia izay niantomboka tao amin'ny 8:1.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny andininy faha 36 dia manomboka fizaran-tantara vaovao izay ampianaran'i Jesosy ireo mpianany sy anirahany azy ireo handeha hitory sy hanasitrana toy ny nataony.

**ireo tanàn-dehibe**  
Nandeha tany amin'ny tanàna maro na ny ankamaroany amin'ireo tanàna i Jesosy, fa tsy voatery hoe ny tanàna rehetra. DH: "maro tamin'ireo tanàna"

**filazantsaran'ny fanjakana**  
Eto ny hoe "fanjakana" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Jereo ny nandikananao izany ao amin'ny 4:23.

**ireo karazan'aretina rehetra sy ireo karazana fahararina rehetra**  
"ireo aretina rehetra sy faharariana rehetra." Ny teny hoe "aretina" sy "faharariana" dia mifandray ary tokony hadika ho teny roa samihafa raha azo atao. Ny "aretina" no mahatonga ny olona harary. Ny "faharariana" dia fahalemen'ny vatana na otrik'aretina izay mifara amin'ny fisian'ny aretina.

**Tahaka ny ondry tsy misy mpiandry izy ireo**  
Ity fampitahana ity dia midika fa izy ireo tsy nanana mpitarika hiahy azy ireo. DH: "Tsy nanana mpitarika ireo olona"

## Matthew 9:37

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Mampiasa ohabolana momba ny vokatra i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany ny amin'ny tokony havalin'izy ireo ny filan'ireo vahoaka voalaza teo aloha.

**Betsaka ny vokatra, fa ireo mpiasa no vitsy**

Mampiasa ohabolana i Jesosy mba hamaliany ny zavatra hitany. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe betsaka ny olona vonona ny hino an'Andriamanitra saingy vitsy ny olona hampianatra azy ireo ny fahamarinan'Andriamanitra.

**Betsaka ny vokatra**

"Feno vokatra masaka ho otzan'ny olona"

**mivavaha faingana amin'ny Tompon'ny vokatra**

"mivavaha amin'Andriamanitra, satria Izy no tompon'andraikitra amin'ny vokatra"

---

## Chapter 10

<sup>1</sup> Nantsoin'i Jesosy niaraka ireo mpianany roa ambin'ny folo ary nanome azy ireo fahefana amin'ireo fanahy maloto, mba handroahana azy ireo, sy hanasitrana ireo karazan'aretina sy karazana faharariana rehetra. <sup>2</sup> Ary ireto avy ny anaran'ireo apostoly roa ambiny folo. Ny voalohany, Simona (izay antsoina ihany koa hoe Petera), ary Andreo rahalahiny; Jakoba zanaka lahin'i Zebede, sy Jaona rahalahiny; <sup>3</sup> Filipo, sy Barteleomy; Tomasy, sy Matio ilay mpanangona hetra; Jakoba zanaka lahin'i Alfeosy, ary Tadeosy; <sup>4</sup> Simona ilay Zelota, ary Jodasy Iskariota, ilay hamadika Azy. <sup>5</sup> Nirahin'i Jesosy izy roa ambiny folo. Nanoro azy ireo Izy ary niteny hoe: "Aza mandeha any amin'ny toerana izay hitoeran'ny Jentilisa ianareo, ary aza miditra amin'ny renivohitr'ireo Samaritana. <sup>6</sup> Fa mandehana kosa any amin'ireo ondry very amin'ny taranak'Isiraely; <sup>7</sup> ka rehefa mandeha ianareo, dia mitoria ary ambarao hoe: 'Efa akaiky ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny lanitra.' <sup>8</sup> Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ireo boka, ary roahy ireo demonia. Araka ny nahazoanareo maimaimpoana, dia manomeza ihany koa maimaimpoana. <sup>9</sup> Aza mitondra volamena, volafotsy, na varahina ao amin'ny kitapom-bolanareo. <sup>10</sup> Aza mitondra kitapom-batsy amin'izay alehanareo, na fitafy hafa, na kiraro, na tehina, fa ny mpiasa dia mendrika hahazo ny sakafony. <sup>11</sup> Na inona na inona tanàn-dehibe na tanàna kely hidiranareo, tadiavo izay mendrika ao, ary mitoera ao mandra-pialanareo. <sup>12</sup> Raha vao miditra ao amin'ilay trano ianareo, dia miarahabà ny ao. Raha mendrika ilay trano, dia aoka ny fiadanana ho tonga ao. <sup>13</sup> Fa raha tsy mendrika kosa izany, dia aoka ny fiadanana hiverina aminareo. <sup>14</sup> Ho an'ireo izay tsy mandray anareo na tsy mihaino ny teninareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo, rehefa miainga amin'izany trano na tanàn-dehibe izany ianareo. <sup>15</sup> Lazaiko marina aminareo, fa ho moramora kokoa ny an'ny tanin'i Sodoma sy Gomora amin'ny andro fitsarana noho izany tanàn-dehibe izany. <sup>16</sup> Indro, handefa anareo toy ny ondry eo afovoan'ny ambodia Aho, koa hendre tahaka ny menarana ary tsy manan-tsiny tahaka ny voromailala. <sup>17</sup> Mitandrema ny amin'ny olona! Hanolotra anareo eo amin'ny filan-kevitra izy ireo, ary hikapoka anareo ao amin'ny sinagogan'izy ireo. <sup>18</sup> Avy eo dia ho entina manoloana ny governora sy ny mpanjaka ianareo nohon'ny Amiko, mba ho vavolombelona ho azy ireo sy ho an'ireo Jentilisa. <sup>19</sup> Rehefa manolotra anareo izy ireo, dia aza manana ahiahy ny amin'ny hoe ahoana na inona no ho lazainareo, fa homena anareo amin'io ora io izay tokony ho lazaina. <sup>20</sup> Fa tsy ianareo no hiteny, fa ny Fanahin'ilay Rainareo no hiteny ao aminareo. <sup>21</sup> Ny rahalahy dia hanolotra ny rahalahy ho amin'ny fahafatesana, ary ny ray dia ny zanany. Ny zanaka dia hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny ka hahatonga ny fahafatesan'izy ireo. <sup>22</sup> Ho halan'ny olon-drehetra ianareo nohon'ny amin'ny anarako. Fa na iza na iza miharitra hatramin'ny farany, dia ho voavonjy izany olona izany. <sup>23</sup> Rehefa manenjika anareo ao amin'io tanàn-dehibe io izy ireo, dia mandosira any amin'ny manaraka, fa lazaiko marina aminareo, fa tsy hahatapitra ireo tanànan'Isiraely mialohan'ny hatongavan'ny Zanak'Olona ianareo. <sup>24</sup> Ny mpianatra dia tsy lehibe noho ny mpampianany, na ny mpanompo ho ambony noho ny tompony. <sup>25</sup> Ampy ho an'ny mpianatra raha tonga toy ny mpampianany izy, ary ny mpanompo toy ny tompony. Raha nantsoin'izy ireo hoe Belzeboba ny tompon'ny trano, dia ho ratsy lavitra tahaka ny ahoana ireo anarana hiantson'izy ireo ny isam-piankohonana! <sup>26</sup> Noho izany aza matahotra azy ireo, fa tsy hisy takona izay tsy hiseho, ary zava-miafina izay tsy ho fantatra. <sup>27</sup> Izay lazaiko anareo ao amin'ny haizina, dia teneno amin'ny andro mazava, ary izay bitsibitsika renareo amin'ny sofinareo, dia torio eny ambony tampon-trano. <sup>28</sup> Aza matahotra an'ireo izay mamono ny vatana kanefa tsy afaka mamono ny fanahy. Fa kosa, matahora an'izay afaka mamotika ny fanahy sy ny vatana any amin'ny helo. <sup>29</sup> Moa va tsy vola madinika kely no hamarotana fody roa? Fa tsy mbola misy na iray amin'izy ireo aza mianjera amin'ny tany raha tsy misy ny fahalalan'ny Rainareo. <sup>30</sup> Fa na ny volon-dohanareo aza voaisa avokoa. <sup>31</sup> Aza matahotra. Manan-danja bebe kokoa noho ny fody maro ianareo. <sup>32</sup> Noho izany izay rehetra manaiiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia ho ekeko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra. <sup>33</sup> Fa izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona kosa, dia ho laviko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra. <sup>34</sup> Aza mieritreritra fa izaho dia tonga hitondra fiadanana eto antany. Tsy tonga mba hitondra fiadanana Aho, fa sabatra. <sup>35</sup> Fa tonga aho hanasaraka ny zanaka lahy amin'ny rainy, sy ny zanaka vavy amin'ny reniny, ary ny vinantovavy amin'ny rafozam-baviny. <sup>36</sup> Ireo izay ao an-tokantranony ihany no ho lasa fahavalon'ny olona. <sup>37</sup> Izay tia kokoa ny ray na reny mihoatra Ahy dia tsy mendrika Ahy; ary izay tia kokoa ny zanaka lahy na ny zanaka vavy mihoatra Ahy dia tsy mendrika Ahy. <sup>38</sup> Izay tsy mandray ny hazofjaliany ka manaraka Ahy dia tsy mendrika Ahy. <sup>39</sup> Izay mamonjy ny ainy dia hahavery izany. Fa izay mahavery ny ainy noho ny amiko dia hahita izany. <sup>40</sup> Izay mandray anareo dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy dia mandray ilay naniraka ahy ihany koa. <sup>41</sup> Izay mandray ny mpaminany satria mpaminany izy dia hahazo ny valisoan'ny mpaminany, ary izay mandray ny olo-marina satria olo-marina izy dia hahazo ny valisoan'ny olo-marina. <sup>42</sup> Na iza na iza manome ny iray amin'ireny



madinika indrindra ireny, na dia rano mangatsiaka iray kaopy ho sotroina aza, satria izy mpianatra, dia lazaiko marina aminareo fa, tsy ho very ny valisoany."

### Matthew 10:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no manomboka ny tantaran'i Jesosy naniraka ireo mpianany mba hanao ny asany.

#### nanome azy ireo fahefana

Ezaho mba ho tafita tsara fa io fahefana io dia 1) mandroaka ireo fanahy maloto sy 2) manasitrana ny aretina sy rofy.

#### mba handroahana azy ireo

"hampiala ireo fanahy maloto"

#### karazan'aretina sy karazana faharariana rehetra

"ireo aretina rehetra sy faharariana rehetra." Ny teny hoe "aretina" sy "faharariana" dia mifandray ary tokony hadika ho teny roa samihafa raha azo atao. Ny "aretina" no mahatonga ny olona harary. Ny "faharariana" dia fahelemen'ny vatana na otrik'aretina izay miafara amin'ny fisian'ny aretina.

### Matthew 10:2

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto ny mpanoratra dia manome ny ananran'ireo apostoly roa ambin'ny folo lahy mba ho fahalalana fototra.

#### Ary

Io teny io dia ampiasaina mba hanamarihina fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manome fampahafantarana fototra momba ireo apostoly roa ambin'ny folo lahy.

#### apostoly roa ambiny folo

Ilay vondron'ny "mpianatra roa ambin'ny folo" ao amin'ny 10:1 ihany io.

#### voalohany

Voalohan'ny amin'ny filaharana io, fa tsy amin'ny laharana.

#### ilay Zelota

Ireo mety ho dikany dia 1) "ilay Zelota" dia fiantsoana maneho fa isan'ireo vondron'olona te hanafaka ny Jiosy tamin'ny fanapahana Romana izy. DH: "tia tanindrazana" na 2) "ilay be zotom-po" dia famaritana izay mampiseho fa nanan-jotom-po izy mba hanajana an'Andriamanitra. DH: "mafana fo"

#### Matio ilay mpanangona hetra

"Matio, izay mpamory hetra"

#### ilay hamadika Azy

"ilay hamadika an'i Jesosy"

### Matthew 10:5

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Eto i Jesosy dia manomboka manome toro-marika ireo mpianany momba izay tokony hataon'izy ireo sy hampoizin'izy ireo rehefa mandeha mitory izy ireo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Na dia manomboka amin'ny filazana fa naniraka ireo roa ambin'ny folo lahy aza ny andininy faha 5, dia efa nanome ireo toro-marika ireo i Jesosy talohan'ny nandefasany azy ireo.

#### Nirahin'i Jesosy izy roa ambiny folo

"Ireo roa ambin'ny folo no nirahin'i Jesosy"

#### Nirahina

Nirahin'i Jesosy izy ireo nohon'ny antony mazava.

#### Nanoro azy ireo Izy

"Nolazainy tamin'izy ireo izay tokony hataon'izy ireo" na "Nandidy azy ireo Izy"

#### ondry very amin'ny taranak'Israely

Io dia sarin-teny mapitaha ny firenan'Israely manontolo amin'ny ondry izay nania niala tamin'ny mpiandry azy ireo.

#### taranak'Israely

Maneho ny firenen'Israely io. DH: "vahoakan'Israely" na "zanak'Israely"

#### rehefa mandeha ianareo

Manondro ireo apostoly roa ambin'ny folo ny hoe "ianareo" eto.

#### Efa akaiky ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny lanitra

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "hiara-belona amin'Andriamanitra any an-danitra rehefa miseho tahaka ny mpanjaka Izy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 3:1.

### Matthew 10:8

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manohy manome toro-marika ireo mpianany i Jesosy momba izay tokony hataon'izy ireo rehefa mandeha mitory.

#### Araka ny nahazoanareo maimaimpoana, dia manomeza ihany koa maimaimpoana

Misy fampahafantarana tsy voalaza eto, saingy azo ihany. DH: "Nanampy anareo ary nampianatra ny

fahamarinan'Andriamanitra maimaimpoana Aho. Noho izany, tsy tokony hampandoa vola ny hafa ianareo mba hanampianareo na hampianaranareo ny fahamarinan'Andriamanitra azy ireo"

#### **volamena, volafotsy, na varahina**

Ireo no vy nanamboatana ny vola. Io lisitra io dia misy hevitra ambadika ilazana ny vola, koa raha tsy fantara eo amin'ny faritrao ireo vy ireo, dia adikao hoe "vola" ireo lisitra ireo.

#### **kitapom-bolanareo**

Ny dikan'io dia fehikibo na "fehikibo fasiana vola," fa mety maneho izay rehetra azo ampiasaina mba hitondrana vola koa. Ny fehikibo dia lamba lava nanaovana teo amin'ny valahana. Tamin'izany dia lehibe izany ka azo aforitra ary ampiasaina mba hitondrana vola.

#### **kitapom-batsy**

Mety ho izay kitapo rehetra ampiasaina hitondrana zavatra rehefa mandeha io, na kitapo ampiasain'ny olona iray hanangonana sakafo na vola.

#### **fitafy hafa**

Ampiasao ny teny mitovy amin'ny nampiasainao tao amin'ny 5:40 ilazana ny hoe "fitafy."

#### **ny sakafony**

Eto ny "sakafo" dia ilazana izay rehetra ilain'ny olona iray. DH: "izay ilainy"

### **Matthew 10:11**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy manome toro-marika ireo mpianany i Jesosy momba izay tokony hataon'izy ireo rehefa mandeha mitory.

#### **Na inona na inona tanàn-dehibe na tanàna kely hidiranareo**

"Isaky ny miditra tanàn-dehibe na vohitra ianareo" na "izay tanàn-dehibe na vohitra hidiranareo"

#### **mendrika ... tsy mendrika**

Ao amin'ny 10:11-13, ny olona "mendrika" dia ilazana ny olona izay vonona ny hampandroso ireo mpianatra. Mampitaha io olona io amin'iray izay "tsy mendrika" i Jesosy, olona izay tsy hampandroso ireo mpianatra.

#### **ary mitoera ao mandra-pialanareo**

Ny tena dikany feno dia azo hazavaina hoe DH: "mitoera ao an-tranon'izany olona izany mandra-pialanareo ilay tanàn-dehibe na vohitra

#### **Raha vao miditra ao amin'ilay trano ianareo, dia miarahabà ny ao**

Ny teny hoe "miarahabà ny ao" dia midika hoe arahabao ny ao an-trano. Ny fiarahabana niraisana tamin'izany andro izany ny hoe "Fiadanana ho amin'ity trano ity!" Eto ny "trano" dia manondro ireo olona mipetraka ao amin'ilay trano. DH: "Raha

miditra ao amin'ilay trano ianareo, dia arahabao ny olona izay mipetraka ao amin'izany"

#### **mendrika ilay trano**

Eto ny "trano" dia manondro ireo olona mipetraka ao amin'ilay trano. DH: "hampandroso anareo tsara ny olona mipetraka ao amin'izany trano izany" na "mandray anareo tsara ny olona mipetraka ao amin'ilay trano"

#### **aoka ny fiadanana ho tonga ao**

Ny teny hoe "ao" dia midika hoe ilay trano. Eto ny "trano" dia manondro ireo olona mipetraka ao amin'ilay trano. DH: "aoka ho tonga ao ny fiadanana" na "hiaina am-piadanana ny olona izay mipetraka ao amin'izany trano izany"

#### **ny fiadanana**

Ilay fiadanana izay hangatahan'ireo apostoly ho tonga eo amin'ireo olona ao amin'ilay trano.

#### **raha tsy mendrika**

Ny teny hoe "ao" dia midika hoe ilay trano. Eto ny "trano" dia manondro ireo olona mipetraka ao amin'ilay trano. DH: "raha tsy mandray tsara anareo izy ireo"

#### **aoka ny fiadanana hiverina aminareo**

Ireo mety ho dikany dia 1) raha tsy mendrika ilay ankohonana, dia ho hazonin'Andriamanitra lavitra azy ireo ny fiadanana na fitahiana na 2) raha tsy mendrika ilay ankohonana, dia tokony hanao zavatra ireo apostoly, toy ny fangatahana amin'Andriamanitra tsy hanome haja ny fanononam-piadanana'izy ireo.

### **Matthew 10:14**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy manome toro-marika ireo mpianany i Jesosy momba izay tokony hataon'izy ireo rehefa mandeha mitory.

#### **Ho an'ireo izay tsy mandray anareo na tsy mihaino**

"Raha tsy misy olona mandray na mihaino ao amin'izany trano izany"

#### **mihaino ny teninareo**

Eto ny "teny" dia maneho izay lazain'ireo mpianatra. DH: "mihaino ny hafatrarao" na "mihaino izay tokony ho lazainareo"

#### **tanàn-dehibe**

Tokony hadikanao araka ny nandikanao azy tao amin'ny toko 10:1 io.

#### **ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo**

"ahintsano hiala amin'ny tongotrareo ny vovoka rehefa miala ianareo." Famantarana izany fa nolavin'Andriamanitra ireo olona avy ao amin'izany trano na tanàna izany.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ho azo leferina kokoa**

"ho kely kokoa ny fahoriana"

**tanin'i Sodoma sy Gomora**

Manondro ireo olona nonina tao Sodoma sy Gomora io. DH: "ireo olona izay nonina tao Sodoma sy Gomora"

**izany tanàn-dehibe izany**

Manondro ireo olona ao amin'ny tanàna izay tsy mandray ireo apostoly na mihaino ny hafatr'izy ireo io. DH: "ireo olon'ny tanàna izay tsy mandray anareo"

**Matthew 10:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany i Jesosy. Eto izy dia manomboka milaza amin'izy ireo momba ny fanenjehana izay hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory.

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manindry izay ho avy manaraka. DH: "Jereo" na "henoy" na "Tandrema tsara izay ho lazaiko aminareo"

**handefa anareo**

Mandefa azy ireo nohon'ny antony manokana i Jesosy.

**toy ny ondry eo afovoan'ny ambodia**

Ny ondry dia biby tsy afa-miaro tena izay tafihan'ny ambodia matetika. Milaza i Jesosy fa mety hamely ireo mpianatra ny olona. DH: "toy ny ondry eo amin'ny olona tahaka ny ambodia loza be" na "toy ny ondry eo amin'ny olona manao toy ny ataon'ny biby loza be"

**koa hendre tahaka ny menarana ary tsy manan-tsiny tahaka ny voromailala**

Miteny amin'ireo mpianatra i Jesosy fa tsy maintsy malina sady tsy manan-tsiny eo amin'ny olona izy ireo. Raha mampifangro voraka ny mampitaha ny mpianatra amin'ny bibilava na voromailala, dia mety ho tsaratsara kokoa ny manazava ireo fampitahana. DH: "miasà am-pahalalana sy fitandremana, no sady amin'ny tsy fananan-tsiny sy hatsaran-toetra"

**Mitandrema ny amin'ny olona!**

Afaka adikana miaraka amin'ny hoe "satria" io mba hampisehoana fa mifandray ireo teny roa ireo. DH: "Mitandrema ny amin'ny olona satria izy ireo dia"

**Hanolotra anareo**

"hamadika anareo" na "hahafoy anareo ho eo amin'ny" na "hampisambotra anareo"

**filan-kevitra**

"fitsarana." Ireo dia mpitarika fivavahana teo an-toerana na loholona izay miara mitazona ny fihavanana eo amin'ny fiarahamonina.

**hikapoka anareo**

"hamono sy hamely"

**ho entina**

Azo atao hoe DH: "hoentin'izy ireo" na "handrirotra anareo"

**nohon'ny Amiko**

"satria Ahy ianareo" na "satria manaraka Ahy ianareo"

**azy ireo sy ho an'ireo Jentilisa**

Ny mpisolotena "izy ireo" dia manondro ireo "governora sy mpanjaka" na ireo mpiampanga Jiosy.

**Matthew 10:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany i Jesosy, momba ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory.

**Rehefa manolotra anareo izy ireo**

"Rehefa manolotra anareo eo amin'ny filan-kevitra ny olona." Ny "olona"eto dia ireo olona tao amin'ny 10:16 ihany.

**aza manana ahiahy**

"aza miahiahy"

**ahoana na inona no ho lazainareo**

"ahoana no fomba hitenenanareo na inona no ho lazaina." Azo akambana ireo hevitra anankiroa ireo: "inona no tokony ho lazainareo"

**fa homena anareo amin'io ora io izay tokony ho lazaina**

Azo atao hoe DH: "fa ny Fanahy Masina no hilaza aminareo izay ho lazaina"

**amin'io ora io**

Eto ny "ora" dia midika hoe "amin'io fotoana io mihitsy." DH: "amin'izay fotoana izany mihitsy" na "amin'izany fotoana izany"

**ny Fanahin'ilay Rainareo**

Raha ilaina, dia azo adika hoe "Fanahin'Andriamanitra Rainareo any an-danitra" io na azo asiana fanamarihana mba hampazava tsara fa maneho an'Andriamanitra Fanahy Masina io fa tsy fanahin'ny ray ety an-tany akory.

**Rainareo**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra io.

**ao aminareo**

"amin'ny alalanareo"

**Matthew 10:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany i Jesosy, momba ny fanenjhana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory.

**Ny rahalahy dia hanolotra ny rahalahy ho amin'ny fahafatesana, ary ny ray dia ny zanany**

Ny teny hoe "ray dia ny zanany" dia azo adika ho fehezanteny feno. DH: "Ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho amin'ny fahafatesana, ary ny ray hanolotra ny zanany ho amin'ny fahafatesana"

**hanolotra**

"hamadika" na "hahafoy". Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny 10:16.

**fahafatesana**

Ny anarana hoe "fahafatesana" dia azo adika mazava hoe. DH: "any amin'ny fitsarana mba hamonoan'ny manam-pahefana azy ireo"

**hitsangana hanohitra**

"hikomy hanohitra" na "hiodina hanohitra"

**hahatonga ny fahafatesan'izy ireo**

Azo adika hoe DH: "ary hampamono azy ireo" na "ary haka ny manam-pahefana hamono azy ireo"

**Ho halan'ny olon-drehetra ianareo**

Azo adika hoe DH: "Hankahala anareo ny olon-drehetra" na "Hankahala anareo ny vahoaka rehetra"

**ianareo**

fanondroana olona maro io ary maneho ireo mpianatra roa ambin'ny folo lahy.

**nohon'ny amin'ny anarako**

Eto ny "anarana" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "nohon'ny amiko" na "satria matoky ahy ianareo"

**Fa na iza na iza miharitra**

"na iza na iza mijanona ho mahatoky"

**hatramin'ny farany**

Tsy mazava hevitra ny hoe "farany" raha rehefa maty ny olona iray, na ny fara-andro rehefa miseho ho mpanjaka Andriamanitra. Ny hevi-dehibe amin'io dia ny faharetan'izy ireo araka izay azo atao.

**dia ho voavonjy izany olona izany**

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra no hanafaka izany olona izany"

**ao amin'io tanàn-dehibe io**

Eto ny hoe "io" dia tsy manondro tanàna iray manokana. DH: "ao amina tanàna iray"

**mandosira any amin'ny hafa**

"mandosira any amin'ny tanàna manaraka"

**lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**Zanak'Olon**

Milaza ny amin'ny tenany i Jesosy.

**Matthew 10:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany i Jesosy, momba ny fanenjhana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory.

**Ny mpianatra dia tsy lehibe noho ny mpampianany, na ny mpanompo ho ambony noho ny tompony**

Mampiasa ohabolana i Jesosy mba hampianarana fahamarinana amin'ny ankapobeny ny mpianany. Manindry mafy i Jesosy fa tsy tokony hanatena ny olona handray azy ireo tsara kokoa noho ny nandraisan'izy ireo an'i Jesosy ireo mpianatra.

**Ny mpianatra dia tsy lehibe noho ny mpampianany**

"Ny mpianatra iray dia latsa-danja hatrany noho ny mampianany" na "Ny mpampianatra dia lehibe hatrany noho ny mpianany"

**na ny mpanompo ho ambony noho ny tompony**

"ary ny mpanompo dia latsa-danja hatrany noho ny tompony" na "Ny tompo dia lehibe hatrany noho ny mpanompony"

**Ampy ho an'ny mpianatra raha tonga toy ny mpampianany izy**

"Tokony ho afa-po amin'ny fahatongavany ho toy ny mpampianany ny mpianatra"

**toy ny mpampianany**

Raha ilaina, afaka ataonao mazava ny fomba ahatongavan'ny mpianatra ho toy ny mpampianany. DH: "mahafantatra zavatra betsaka araka izay fantatry ny mpampianany"

**ary ny mpanompo toy ny tompony**

Raha ilaina, dia afaka ataonao mazava ny fomba ahatongavan'ny mpanompo ho toy ny tompony. DH: "ary tokony ho afa-po amin'ny fahatongavany ho lehibe tahaka ny tompony ny mpanompo iray"

**Raha nantsoin'izy ireo hoe Belzeboha ny tompon'ny trano, dia ho ratsy lavitra tahaka ny ahoana ireo anarana hiantson'izy ireo ny isam-piankohonana!**

Manindry mafy indray i Jesosy fa, satria nampijaly Azy ny olona, dia tokony hanampo ireo mpianatra fa hanao toy izany amin'izy ireo na ratsy lavitra aza ny olona.

**ratsy lavitra tahaka ny ahoana ireo anarana hiantson'izy ireo ny isam-piankohonana**

"ny anarana izay hiantsoan'izy ireo ny isam-piankohonany dia ho ratsy lavitra tokoa" na "hanome anarana ratsy lavitra ho an'ireo isam-piankohonany tokoa izy ireo"

**Raha nantsoin'izy ireo**

"Satria nantsoin'ny olona hoe"

**ny tompon'ny trano**

Mapiasa sarin-teny ho an'ny tenany i Jesosy.

**Belzeboba**

Io anarana io dia azo 1) soratana mivantana hoe "Belzeboba" na 2) adika amin'ny hevitra tiana ho lazaina hoe "Satana."

**isam-piankohonana**

Io dia sarin-teny maneho ireo mpianatr'i Jesosy.

**Matthew 10:26****fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany i Jesosy, momba ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory.

**aza matahotra azy ireo**

Eto ny hoe "azy ireo" dia manondro ireo olona mampijaly ny mpanaradia an'i Jesosy.

**fa tsy hisy takona izay tsy hiseho, ary zava-miafina izay tsy ho fantatra**

Ireo teny anankiroa ireo dia mitovy dika. Manindry mafy i Jesosy fa hataon'Andriamanitra fantatra ny zavatra rehetra. Azo adika hoe DH: "Hasehon'Andriamanitra ireo zavatra izay afenin'ny olona"

**Izay lazaiko anareo ao amin'ny haizina, dia teneno amin'ny andro mazava, ary izay bitsibitsika renareo amin'ny sofinareo, dia torio eny ambony tampon-trano**  
Ireo teny roa ireo dia samy mitovy hevitra. Manindry mafy i Jesosy fa tokony ho lazain'ireo mpianatra amin'olon-drehetra izay lazainy amin'ireo mpianatra any amin'ny mangingina. DH: "lazao amin'olona amin'ny fahazavan'ny andro izay lazaiko aminareo ao amin'ny aizina, ary torio eny an-tampon-trano izay renareo moramora ao an-tsofianareo"

**Izay lazaiko anareo ao amin'ny haizina**

Eto ny "aizina" dia midika hoe any amin'ny mangingina." DH: "Izay lazaiko mangingina aminareo" na "Ireo zavatra lazaiko aminareo mangingina"

**teneno amin'ny andro mazava**

Eto ny "andro mazava" dia midika hoe "ampahibemaso." DH: "lazao malalaka" na "lazao ampahibemaso"

**izay bitsibitsika renareo amin'ny sofinareo**

Fomba ilazana ny fibitsibitsihana io. DH: "Izay bitsibitsihiko aminareo"

**torio eny ambony tampon-trano**

Ny tampon-trano izay nipetrahan'i Jesosy dia mahitsy, ary afaka nandre izay olona miteny mafy

eo ny olona avy any alavitra be. Eto ny "tampon-trano" dia ilazana izay toerana rehetra ahafahan'ny vahoaka rehetra mandre. DH: "mitenena mafy eny amin'ny toeram-pokonolona mba handrenesan'ny rehetra"

**Matthew 10:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany ny amin'ny fanenjehana izay hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto koa i Jesosy dia manomboka manome anton'ny tokony tsy hatahoran'ny mpianatra ny fanenjehana mety hiainan'izy ireo.

**Aza matahotra an'ireo izay mamono ny vatana kanefa tsy afaka mamono ny fanahy**

Tsy manavaka ny olona tsy afaka mamono ny fanahy sy ny olona afaka mamono ny fanahy ity. Tsy misy olona afaka mamono ny fanahy. DH: "Aza matahotra olona. Afaka mamono ny vatana ireo fa tsy afaka mamono ny fanahy."

**mamono ny vatana**

Mahatonga fahafatesana ara-batana no dikan'io. Raha hafahafa ireo teny ireo, dia azo adika hoe "mamono anareo" na "mamono olon-kafa."

**vatana**

Ilay azo tsapaina eo amin'ny olona, mifanohitra amin'ny fanahy.

**mamono ny fanahy**

Ny dikan'io dia hoe mamely ny olona iray aorian'ny fahafatesany ara-batana.

**fanahy**

Ilay tsy ezo tsapaina eo amin'ny olona iray ary mbola velona aorian'ny fahafatesan'ny vatana.

**matahora an'izay afaka**

Afaka ampianao hoe "satria" mba hampazava ny antony tokony hatahoran'ny polona an'Andriamanitra. DH: "matahora an'Andriamanitra satria Izy dia afaka"

**Moa va tsy vola madinika kely no hamarotana fody roa?**

Manambara io ohablana io i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany. DH: "Hevero ny fody. Ambany lanja tokoa izy ireo hany ka afaka mividy azy amin'ny vola madinika kely iray ianareo."

**Fody**

Vorona kely dia kely, mihinana voa. DH: "voron-kely"

**vola madinika kely**

Matetika io dia adika amin'ny teny mahalaza ny vola ambany indrindra mbola miasa ao amin'ny firenenao. Ilazana vola varahina kely mitentina ny

iray ampaha enimpolon'ny karaman'ny mpiasa iray andro io. DH: "vola kely dia kely"

**tsy mbola misy na iray amin'izy ireo aza mianjera amin'ny tany raha tsy misy ny fahalalan'ny Rainareo**  
Azo atao hoe DH: "fantatry ny Rainareo na dia ny fy fotoana hahafatesan'ny fody iray sy hilatsaha eny amin'ny tany aza"

#### **Rainareo**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**na ny volon-dohanareo aza voaisa avokoa**  
Azo adika hoe DH: "fantatr'Andriamanitra na dia ny isan'ny volo eo amin'ny lohanareo"

**Manan-danja bebe kokoa noho ny fody maro ianareo**  
"Omen'Andriamanitra lanja mihoatra ny fody ianareo"

#### **Matthew 10:32**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany ny amin'ny antony tsy tokony hatahoran'izy ireo ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

**izay rehetra manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona**  
"na iza na iza milaza amin'ny hafa fa mpianatro izy" na "na iza na iza manaiky eo anatrehan'ny olona hafa fa tsy mivadika amiko"

**dia ho ekeko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra**  
Azonao atao mazava kokoa ity resaka izay efa fantatra ity. DH: "ho ekeko eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra koa fa ahy ireo olona ireo"

#### **ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona**  
"raha misy olona mandà Ahy eo amin'ny olona hafa fa tsy mivadika amiko izy" na "na iza na iza mandà ny hanaiky Ahy eo amin'ny hafa fa mpianatro izy"

**ho laviko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra**  
Azonao atao mazava kokoa ity resaka izay efa fantatra ity. DH: "Ho laviko eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra fa ahy io olona io"

#### **Matthew 10:34**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany ny amin'ny antony tsy tokony hatahoran'izy ireo ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

#### **Aza mieritreritra**

"aza atao hoe" na "Tsy mahazo mieritreritra ianareo"

#### **eto an-tany**

Manondro ireo olona miaina eto an-tany io. DH: "amin'ny olona eto an-tany" na "amin'ny olona"

#### **fa sabatra**

Ilazana ny fizarazarana, ady, sy fifamonoana eo amin'ny olona izany.

#### **fahavalon'ny olona**

"fahavalon'ny olona ratsy indrindra"

#### **Ireo izay ao an-tokantranony**

"ireo isan'ny ankohonany ihany"

#### **Matthew 10:37**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany ny amin'ny antony tsy tokony hatahoran'izy ireo ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

#### **Izay ... tsy mendrika**

Ny teny hoe "izay" dia ilazana ny olona amin'ny ankapobeny. DH: "ireo izay .. tsy mendrika" na "raha ... ianao ... tsy mendrika ianao"

#### **tia**

Ny teny hoe "tia" eto dia ilazana ny "fifankatiavan'ny mpirahalany" na "fifankatiavan'ny mpianamana." DH: "miraharaha" na "manolo-tena ho an'ny" na "finaritra amin'ny"

#### **mendrika Ahy**

"mandrika ny ho Ahy" na "mendrika ny mpianatro"

#### **mandray ny hazofijaliany ka manaraka Ahy**

"mitondra ny hazofijaliany ary manaraka Ahy." Ny hazofijaliana dia maneho fahoriana sy fahafatesana. Mandray ny hazofijaliana ary vonona ny hijaly sy ho faty. DH: "tsy maintsy mankatoa na dia ho amin'ny fijaliana sy fahafatesana aza"

#### **mandray**

"mandray ary milanja"

#### **mamonjy**

Ilazana ny hoe "mihazona" na "mahita" io. DH: "miezaka ny mihazona" na "miezaka ny hamonjy"

#### **hahavery**

Tsy midika izany fa ho faty ilay olona. Io dia sarin-teny ilazana fa tsy hiaina fiainana ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra ilay olona. DH: "tsy hanana fiainana tena izy"

#### **izay mahavery ny ainy**

Tsy midika hoe maty izany. Io sarin-teny io dia midika fa mankatoa an'i Jesosy mihoatra noho ny

ainy manokana ny olona iray. DH: "izay mandà ny tenany"

**noho ny amiko**  
"satria matoky Ahy izy."

**hahita izany**  
Io sarin-teny io dia midika fa hiaina fainana arapanahy miaraka amin'Andriamanitra ny olona iray. DH: "hahita fiainana tena izy"

#### **Matthew 10:40**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy mampianatra ireo mpianany ny amin'ny antony tsy tokony hatahoran'izy ireo ny fanenjehana izay mety hiaretan'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

**Izay**  
Ny teny hoe "izay" eto dia manondro ny olona amain'ny ankapobeny. DH: "Na iza na iza" na "izay rehetra" na "Ilay iray izay"

**mandray**  
Mampadroso olona toy ny vahiny no dikan'io.

**anareo**  
Manondro ireo apostoly roa ambin'ny folo izay iresahan'i Jesosy io.

**mandray Ahy**  
DH: "toy ny hoe mandray Ahy izy" na "toy ny hoe mandray Ahy izany"

**mandray ilay naniraka ahy**  
Ny dikan'izany dia hoe rehefa mandray an'i Jesosy ny olona iray dia toy ny mandray an'Andriamanitra. DH: "toy ny hoe mandray an'Andriamanitra Ray izay naniraka Ahy izy"

**satria mpaminany izy**  
Eto ny hoe "izy" dia tsy manondro ilay olona izay mandray. Manondro ilay olona raisina io.

**valisoan'ny mpaminany**  
Maneho ny valisoa omen'Andriamanitra ny mpaminany io, fa tsy valisoa izay omen'ny mpaminany ny olona hafa akory.

**olo-marina izy**  
Eto ny hoe "izy" dia tsy manondro ilay olona izay mandray. Manondro ilay olona raisina io.

**valisoan'ny olo-marina**  
Maneho ny valisoa omen'Andriamanitra ny olo-marina io, fa tsy valisoa izay omen'ny olo-marina ny olona hafa akory.

#### **Matthew 10:42**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mamarana ny fampianarana ireo mpianany ny amin'ny izay tokony hatao sy hampoizin'izy ireo rehefa mandeha mitory i Jesosy.

**na iza na iza manome**  
"izay rehetra manome"

**ny iray amin'ireny madinika indrindra ireny**  
"iray amin'ireny ambany idrindra ireny" na "iray amin'ireny tsy lehibe indrindra ireny." Ny teny hoe "iray amin'ny" eto dia manondro ny iray amin'ireo mpianatr'i Jesosy.

**satria izy mpianatra**  
"satria mpianatro izy." Eto ny hoe "izy" dia tsy manondro ilay iray izay manome fa ilay iray izay tsy lehibe.

**lazaiko marina aminareo fa**  
"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**tsy ho very ny valisoany**  
"tsy ho lavin'Andriamanitra izy." Tsy misy idirany amin'ny fangalana fananana io. Azo adika hoe DH: "homen'Andriamanitra ... tokoa izy"

## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary rehefa avy nampianatra ireo mpianany roa ambin'folo Jesosy, dia niainga avy teo Izy hampianatra sy hitory any amin'ny tananan'izy ireo. <sup>2</sup> Ary rehefa ren'i Jaona tao am-ponja ny momba ireo asan'i Kristy, dia nandefa hafatra tamin'ny alalan'ireo mpianany izy <sup>3</sup> ka niteny Azy hoe: "Ianao va ilay iray izay ho avy, sa tokony hitady hafa izahay?" <sup>4</sup> Jesosy namaly ary niteny azy ireo hoe: "Mandehana ary lazao amin'i Jaona izay hitanareo sy renareo." <sup>5</sup> Mahazo fahitana ireo jamba, mandeha ireo olona malemy, diovina ireo boka, mandre indray ireo olona marenina, atsangan-ko velona ireo olona maty, ary anambarana ireo vaovao mahafaly ny mahantra. <sup>6</sup> Sambatra izay tsy tafitohina noho ny amiko." <sup>7</sup> Raha nandeha teny amin'ny lalany ireo lehilahy ireo, dia nanomboka nilaza ny momban'i Jaona tamin'ireo vahoaka Jesosy hoe: "Hijery inona no nivoahanareo any an'efitra - volotara tsofin'ny rivotra?" <sup>8</sup> Nefa hijery inona no nivoahanareo - lehilahy manao fitafy lafo vidy? Indro, ireo izay manao fitafy lafo vidy dia mipetraka ao an-tranon'ireo mpanjaka. <sup>9</sup> Nefa hijery inona no nivoahanareo -mpaminany? Eny, miteny aminareo Aho, ary mihoatra lavitra noho ny mpaminany. <sup>10</sup> Izy ilay izay voasoratra hoe: 'Jereo, maniraka ny irako hialoha ny tavanareo Aho, izay hanomana ny lalanareo mialoha anareo.' <sup>11</sup> Lazaiko marina aminareo, fa amin'ireo izay natera-behivavy dia tsy misy lehibe mihoatra noho Jaona mpanao Batisa. Nefa ny olona tsy manan-danja indrindra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra dia lehibe noho izy. <sup>12</sup> Nanomboka tamin'ny andron'i Jaona mpanao Batisa ka hatramin'izao, dia miaritra amin'ny herisetra ny fanjakan'ny lanitra, ary ireo olona mahery setra dia maka azy an-keriny. <sup>13</sup> Fa ireo mpaminany rehetra sy ny lalàna dia efa naminany hatramin'i Jaona; <sup>14</sup> ary raha sitrakareo ny hanaiky izany, dia Izy no Elia ilay ho avy. <sup>15</sup> Izay manan-tsofina ho enti-mhaino, aoka izy hihaino. <sup>16</sup> Amin'inona no tokony hampitahako ity taranaka ity? Izany dia toy ny ankizy milalao eny amin'ny tsena, izay mipetraka sy mifampiantsoantso <sup>17</sup> ka miteny hoe: 'Nitsoka sodina ho anareo izahay, fa tsy nandihy inareo. Nanao hira fisaonanana izahay, fa tsy nitomany ianareo.' <sup>18</sup> Fa Jaona dia tsy tonga hihinana mofo na hisotro divay, ka hoy izy ireo hoe: 'Manana demonia izy.' <sup>19</sup> Ny Zanak'Olonà dia tonga hihinana sy hisotro ka hoy izy ireo hoe: 'Jereo, lehilahy tendan-kanina sy mpimamo izy, naman'ireo mpamory hetra sy ireo mpanota!' Fa ny fahendrena dia voamarina tamin'ireo asany." <sup>20</sup> Avy eo Jesosy nanomboka niteny mafy ireo tanàna izay nanaovany ny ankamaroan'ny asany mahagaga, satria tsy nibebaka izy ireo. <sup>21</sup> "Loza ho anareo, ry Korazina! Loza ho anareo, ry Betsaida! Raha natao tany Tyra sy Sidona ireo asa mahagaga izay natao teto aminareo, dia efa ela no nibebaka tamin'ny lamba fisaonanana sy lavenona izy ireo. <sup>22</sup> Nefa ho moramora kokoa ny an'ny Tyra sy Sidona amin'ny andron'ny fitsarana mihoatra noho ny anareo. <sup>23</sup> Ianareo, ry Kapernaomy, mihevitra ve ianareo fa hasandratra any an-danitra? Tsia, ho entina hidina any amin'ny helo ianareo. Satria raha tany Sodoma no natao ireo asa mahagaga izay natao teto aminareo, dia mbola ho tavela izany mandrak' androany. <sup>24</sup> Nefa milaza aminareo Aho fa ho mora kokoa ho an'ny tanin'i Sodoma ny andron'ny fitsarana noho ny ho aminareo." <sup>25</sup> Tamin'izany fotoana izany Jesosy niteny hoe: "Midera Anao Aho, ry Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany, satria Ianao no nanafina ireo zavatra ireo tamin'ny hendry sy ny mahalala, ary nanambara ireo tamin'ireo izay tsy mahalala, toy ireo ankizy kely. <sup>26</sup> Eny, ry Ray, satria izany dia nahafinaritra teo imasonao. <sup>27</sup> Ny zavatra rehetra nankinina tamiko dia avy amin'ny Raiko; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka, sy izay fidian'ny Zanaka hanambarana Azy. <sup>28</sup> Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa sy mitondra mavesatra, dia omeko fitsaharana ianareo. <sup>29</sup> Ento ny ziogako ary mianara amiko, fa malemy fanahy sy manetry tena am-po Aho, dia hahita fitsaharana ho an'ireo fanahinareo ianareo. <sup>30</sup> Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako."

### Matthew 11:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity indray no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay hilazan'ny mpanoratra ny amin'ny navalin'i Jesosy ireo mpianatr'i Jaona Mpanao Batisa.

#### Ary rehefa

Io teny io no mamadika ny tantaran'ny fampianaran'i Jesosy mankeo amin'izay nitranga taorian'izany. DH: "Avy eo" na "Taorian'izany"

**nampianatra**  
"nandidy"

#### ireo mpianany roa ambin'folo

Maneho ireo apostoly roa ambin'ny folo voafidin'i Jesosy io.

#### any amin'ny tananan'izy ireo

Eto ny hoe "izy ireo" dia manondro ny Jiosy rehetra amin'ny ankapobeny.



**Ary**

Ampiasaina io teny io eto mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka milaza fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

**rehefa ren'i Jaona tao am-ponja ny momba**

"Rehefa ren'i Jaona, izay tao am-ponja, ny momba ny" na "Rehefa nisy niteny tamin'i Jaona, izay tao am-ponja, ny momba ny." Na dia mbola tsy nolazain'i Matio tamin'ny mpamaky aza fa nalefan'i Heroda mpanjaka tany am-ponja i Jaona Mpanao Batisa, ny mpiaino tany am-boalohany dia efa nahalala ny tantara tsara ary nahatakatra ny fampahafantarana tsy mivantana eto. Hampahafantatra bebe kokoa momba an'i Jaona Mpanao Batisa i Matio ao aoriana ao, ka mety ho tsara ny mampazava izany eto.

**nandefa hafatra tamin'ny alalan'ireo mpianany izy**

Nandefa ny mpianany manokana niaraka tamin'ny hafatra i Jaona Mpanao Batisa.

**ka niteny Azy hoe**

Manondro an'i Jesosy ny mpisolotena "Azy."

**Ianao va ilay iray izay ho avy**

"Ianao ve ilay iray izay andrasanay ho avy." Fomba hafa ilazana ny Mesia na Kristy io.

**sa tokony hitady hafa izahay**

"tokony hiandry olona hafa izahay." Ny mpisolotena "izahay" eto dia manondro ny Jiosy rehetra, fa tsy ireo mpianatr'i Jaona irery ihany.

**Matthew 11:4****lazao amin'i Jaona**

"tatero amin'i Jaona"

**diovina ireo boka**

Azo atao hoe DH: "manasitrana ny boka Aho"

**atsangan-ko velona ireo olona maty**

Azo atao hoe DH: "mahatonga ireo izay maty ho velona indray Aho"

**anambarana ireo vaovao mahafaly ny mahantra**

Azo atao hoe DH: "Manambara amin'ireo anatin'ny tsy fahampiana Aho"

**Matthew 11:7****Fampifandraisana ny fot-kevitra**

Manomboka milaza momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

**Hijery inona no nivoahanareo any an'efitra - volotara ... rivotra?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hieritreretan'ny olona hoe karazan'olona manao ahoana i Jaona Mpanao Batisa. DH: "tsy hijery volotara ... mihitsy ny nalehanareo tany an'efitra!"

**volotara tsofin'ny rivotra**

Ireo mety ho dikany dia 2) Ilay hazo teo akaiky ny Reniranon'i Jordana ara-bakiteny mihitsy no tian'i Jesosy ambara na 2) mampiasa sarin-teny mba hilazana karazan'olona i Jesosy. DH: "lehilahy izay mora miova hevitra ary tahaka ny volotara atopatopan'ny rivotra"

**tsofin'ny rivotra**

Azo atao hoe DH: "miozangozona eny amin'ny rivotra"

**Nefa hijery inona no nivoahanareo - lehilahy ...fitafy lafo vidy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hieritreretan'ny olona hoe karazan'olona manao ahoana i Jaona Mpanao Batisa. DH: "Ary tsy nandeha nankany an'efitra hijery lehilahy iray ... mihitsy ianareo!"

**manao fitafy lafo vidy**

Ny olona mpanan-karena no nanao izany karazana fitafy izany.

**Indro**

Manamafy izay ho avy manaraka eo io teny io. DH: "izany indrindra"

**tranon'ireo mpanjaka**

"rovan'ireo mpanjaka"

**Matthew 11:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miresaka momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny adininy faha 10, manambara ny tenin'i Malakia mpaminany i Jesosy mba hampisehoana fa ny fiainana sy ny asa fanompoan'i Jaona Mpanao Batisa dia nahatantrera ka ny faminaniana.

**Nefa hijery inona no nivoahanareo -mpaminany**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hieritreretan'ny olona hoe karazan'olona manao ahoana i Jaona Mpanao Batisa. DH: "Ary tsy nandeha nankany an'efitra hijery mpaminany mihitsy ianareo!"

**mihoatra lavitra noho ny mpaminany**

Azo adika amina fehezanteny feno io. DH: "tsy mpaminany toy ny mahazatra izy" na "lehibe mihoatra noho ny mpaminany mahazatra izy"

**Izy ilay nanoratana hoe**

Azo adika hoe DH: "Izao no nosoratan'i Malakia mpaminany hatry ny ela momba an'i Jaona Mpanao Batisa"

**maniraka ny irako ... Aho**

Ny mpisolotena "aho" sy ny tampisaka "-ko" dia manondro an'Andriamanitra. Manambara izay nolazain'Andriamanitra i Malakia.

**hialoha ny tavanao**

Eto ny hoe "-nao" dia manondro olona tokana, satria miresaka amin'ny Mesia Andriamanitra ao amin'ny teny io. Ary koa, ny "tava" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "eo anoloanao" na "mba handeha hialoha anao"

**hanomana ny lalanareo mialoha anareo**

Io dia sarin-teny izay midika fa hanomana ireo olona mba handray ny hafatry ny Mesia ilay iraka.

**Matthew 11:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy miresaka momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**amin'ireo izay natara-behivavy**

Fomba ilazana ny olombelona rehetra io. DH: "amin'ireo izay velona hatrizay"

**tsy misy lehibe mihoatra noho Jaona mpanao Batisa**

Azo atao hoe DH: "Jaona Mpanao Batisa no lehibe indrindra" na "Jaona Mpanao Batisa no manandanja indrindra"

**ny olona tsy manan-danja indrindra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "ny olona tsy kely indrindra eo ambanin'ny fanapahan'ny Andriamanintsika izay any an-danitra"

**dia lehibe noho izy**

"lehibe noho i Jaona"

**Nanomboka tamin'ny andron'i Jaona mpanao Batisa**

"Nanomboka tamin'ny fotoana nitorian'i Jaona ny hafatra"

**miaritra amin'ny herisetra ny fanjakan'ny lanitra, ary ireo olona mahery setra dia maka azy an-keriny**

Misy fomba maro mety handikana ireo andininy ireo. Ny ULB sy ny UDB dia mihevitra fa io dia midika hoe misy olona te hampiasa ny fanjakan'ny lanitra ho an'ny tombontsoa feno fitiavan-tenan'izy ireo manokana, ary vonona ny hampiasa hery hanohitra ny olona izy ireo mba hanatanterahana izany. Misy fandikana hafa mandroso hevitra tsara fa ny fiantsoana hidirana any amin'ny

fanjakan'Andriamanitra dia efa maika, hany ka tsy maintsy miasa amin-kery ny olona mba hamaliana izany antso izany ary hanoherana ny fakam-panahy hanota ao aoriana ao. Ary ny fandikana fahatelo dia milaza fa misy olona mahery setra mamely ireo olon'Andriamanitra sady miezaka ny hampitsahatra an'Andriamanitra tsy hanjaka intsony.

**Matthew 11:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy miresaka momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

**ireo mpaminany rehetra sy ny lalàna dia efa naminany hatramin'i Jaona**

Eto ny hoe "mpaminany sy ny lalàna" dia maneho ireo zavatra izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany tao amin'ny soratra masina. DH: "fa ireo no zavatra naminanian'i Mosesy sy ireo mpaminany nanomboka tao amin'ny soratra masina hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao Batisa"

**ary raha sitrakareo**

Eto ny mpisolotena tampisaka "-reo" dia manondro ireo vahoaka.

**dia izy no Elia ilay ho avy**

Ny hoe "izy" dia manondro an'i Jaona Mpanao Batisa. Tsy midika ara-bakiteny izany fa i Jaona no Elia. Ny tian'i Jesosy ambara dia hoe i Jaona no manatanteraka ny faminanianana momba an'i "Elia, ilay ho avy" na ilay Elia faharoa. DH: "rehefa niteny i Malakia mpaminany fa hiverina i Elia, dia nilaza ny amin'i Jaona Mpanao Batisa izy"

**izay manan-tsafina ho enti-mhaino**

Fomba hanondroana ny olona rehetra izay mihaino izany. DH: "Ny olon-drehetra izay mihaino ahy"

**aoka izy hihaino**

Ny "mihaino" dia midika hoe mitandrana. DH: "mitandrana tsara izay lazaiko"

**Matthew 11:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miresaka momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

**Amin'inona no tokony hampitahako ity taranaka ity?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampidirana fanoharana iray momba ny olona tamin'izany andro izany sy izay mety ho lazain'ny ankizy eny an-tsena. DH: "Mitovy amin'izao ity taranaka ity"

**ity taranaka ity**

"ireo olona velona amin'izao" na "ireto olona ireto" na "ianareo olon'ity taranaka ity"

**Izany dia toy ny ankizy milalao eny an-tsena ... tsy nitomany ianareo**

Mampiasa fanoharana i Jesosy mba hamaritana ireo olona velona tamin'izany fotoana izany. Mampitaha

azy ireo amina vondron'ankizy izay miezaka ny hisintona ankizy hafa mba hiara-milalao amin'izy ireo Izy. Saingy, na inona na inona ataon'izy ireo, dia tsy hankeo amin'izy ireo mihitsy ireo ankizy hafa. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe tsy mampiova na inona na inona raha mandefa olona tahaka an'i Jaona Mpanao Batisa, izay mipetraka any an-tany efitra sady mifady hanina Andriamanitra, na olona tahaka an'i Jesosy izay miara-mifety amin'ny mpanota sady tsy mifady hanina. Ny olona, indrindra ireo Fariseo sy ireo mpitarika fivavahana, dia mbola mijanona ho mafy loha sady mandà tsy hanaiky ny fahamarinan'Andriamanitra ihany.

#### **tsena**

Toerana lehibe, eny ankalamanjana izay ivarotan'ny olona sy hividiana zavatra.

#### **Nitsoka sodina ho anareo izahay**

Ny hoe "izahay" dia manondro ireo ankizy mipetraka eny an-tsena. Eto ny "-nareo" dia maneho ireo vondron'ankizy hafa.

#### **fa tsy nandihy inareo**

"fa tsy nandihy tamin'ilay hira fifaliana ianareo"

#### **Nanao hira fisaonanana izahay**

Ny dikan'izany dia hoe nihira hira mampalahelo toy ny ataon'ireo vehivavy any am-pandevenana izy ireo.

#### **fa tsy nitomany ianareo**

"fa tsy niara-notomany taminay ianareo"

### **Matthew 11:18**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny firesahany momba an'i Jaona Mpanao Batisa amin'ireo vahoaka i Jesosy.

#### **tsy tonga hihinana mofo na hisotro divay**

Eto ny "mofo" dia ilazana ny sakafo. Tsy midika akory izany fa tsy mba nihinana sakafo i Jaona. Ny hevitr'izany dia nifady hanina matetika be izy, ary rehefa nihinana izy dia tsy nihinana sakafo tsara sy lafo vidy. DH: "mifady hanina matetika ary tsy nisotro alikaola" na "tsy nihinana sakafo tsara ary tsy nisotro divay"

#### **hoy izy ireo hoe: 'Manana demonia izy.'**

Azo adika amin'ny teny tsy mivantana io. DH: "lazain'izy ireo fa misy demonia izy" na "ampangain'izy ireo ho misy demonia izy"

#### **Ny Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany manokana i Jesosy. DH: "Izaho, ilay Zanak'Olona"

#### **tonga hihinana sy hisotro**

Ity no mifanohitra amin'ny fitondran-tenan'i Jaona. Ny dikan'io dia mihinana sy misotro mihoatra ny haben'ny sakafo tokony ho izy.

#### **izy ireo hoe: Jereo, lehilahy tendan-kanina**

Azo adika amin'ny teny tsy mivantana io. DH: "lazain'izy ireo fa lehilahy tendan-kanina izy" na "ampangain'izy ireo ho mihinana be loatra izy." Raha nadikanao hoe "Izaho, ilay Zanak'Olona" ny hoe "Zanak'Olona," dia azonao adika hoe "lazain'izy ireo fa lehilahy tendan-kanina Aho" io teny io.

#### **lehilahy tendan-kanina**

"mihinan-kanina be loatra foana izy"

#### **mpimamo**

"mamo lava" na "misotro alikaola be loatra foana izy"

#### **Fa ny fahendrena dia voamarina tamin'ireo asany**

Io dia ohabolana izay ampiasain'i Jesosy manoloana ity tranga ity, satria tsy hendry ireo olona izay nandà Azy sy Jaona. Jesosy sy Jaona Mpanao Batisa no hendry, ary ny vokatry ny asan'izy ireo no manaporofa izany.

#### **ny fahendrena dia voamarina tamin'ireo asany**

Eto ny "fahendrena" dia voafaritry ho toy ny vehivavy iray izay voaporofa fa marina amin'ny alalan'izay ataony. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe: ny vokatry ny asan'ny olona iray no manaporofa fa hendry tokoa izy. Azo adika io hoe DH: "Ny vokatry ny asan'ny olona iray no manaporofa fa hendry izy"

### **Matthew 11:20**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Manomboka mananatra ireo olona tao amin'ireo tanàna izay nanaovany fahagagana teo aloha i Jesosy.

#### **niteny mafy ireo tanàna**

Eto ny "tanàna" dia maneho ireo olona rehetra mipetraka ao. DH: "mananatra ireo olona ao amin'ny tanàna"

#### **asany mahagaga**

"asan'ny heriny" na "fahagagana"

#### **Loza ho anareo, ry Korazina! Loza ho anareo, ry Betsaida!**

Miteny toy ny hoe nihaino Azy teo ireo olona avy ao amin'ny tanànan'i Korazina sy Betsaida, saingy tsy teo izy ireo.

#### **Loza ho anareo**

"Hahita loza tokoa ianareo!" Eto ny hoe "ianareo" dia manondro ilay tanàna.

#### **Korazina ... Betsaida ... Tyra ... Sidona ireo asa**

Ny anaran'ireo tanàna ireo no ampiasaina ho hevitra ambadika ilazana ireo olona monina ao.

#### **Raha natao tany Tyra sy Sidona ireo asa mahagaga**

Maneho fanombatombanana tranga izay tokony ho nitranaga tany aloha, saingy tsy nitranaga i Jesosy.

**Raha natao tany Tyra sy Sodoma ireo asa mahagaga izay natao teto aminareo**

Azo adika hoe DH: "Raha nataoko teo amin'ireo vahoakan'i Tyra sy Sidona ireo asa mahagaga izay nataoko teo aminareo"

**izay natao teto aminareo ... noho ny anareo**

Eto ny "ianareo" dia manondro ny vahoakan'i Korazina sy Betsaida.

**efa ela no efa no nibebaka ... izy ireo**

Ny mpisolotena "izy ireo" dia manondro ireo vahoakan'i Tyra sy Sidona.

**nibebaka**

"nampiseho fa nanenina nohon'ny fahotany izy ireo"

**ho moramora kokoa ny an'ny Tyra sy Sidona amin'ny andron'ny fitsarana mihoatra noho ny anareo**

Eto ny hoe "Tyra sy Sidona" dia monondro ireo olona monina ao. DH: "Haneho famindrampo amin'ny vahoakan'i Tyra sy Sidona bebe kokoa Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsarana noho ny aminareo" na "hanafay anareo mafimafy kokoa noho ireo vahoakan'i Tyra sy Sidona Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsarana"

**noho ny anareo**

Azo hazavaina kokoa io. DH: "noho ny anareo, satria tsy nibebaka sy nino Ahy ianareo, na dia hitanareo nanao fahagagana aza Aho"

## Matthew 11:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mananatra ireo olona tao amin'ireo tanàna izay nanaovany fahagagana teo aloha i Jesosy.

**Ianareo, ry Kapernaomy**

Miresaka amin'ireo olona ao amin'ny tanànan'i Kapernaomy toy ny hoe mihaino Azy eo izy ireo, saingy tsy eo izy ireo. Ny mpisolotena "ianareo" dia maneho an'i Kapernaomy hatrany eto amin'ireto andininy roa ireto.

**Kapernaomy ... Sodoma**

Ireo anaran-tanàna ireo dia manondro ireo olona monina ao Kapernaomy sy Sodoma.

**mihevitra ve ianareo fa hasandratra any an-danitra?**

Mampiasa fanontaniana tsy valiana i Jesosy mba hananarana ireo vahoakan'i Kapernaomy nohon'ny fireharehan'izy ireo. Azo atao hoe DH: "tsy afaka manandratra ny tenanareo any an-danitra ianareo" na "tsy hanandratra anareo any an-danitra ny fideran'ny olona hafa" na "tsy hampiakatra anareo any an-danitra araka izay heverinareo ho ataony Andriamanitra"

**ho entina hidina any amin'ny helo ianareo**

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra handefa anareo any amin'ny helo"

**Satria raha tany Sodoma ... dia mbola ho tavela izany mandrak' androany**

Manombatombana izay tokony ho nitranga tany aloha, kanefa tsy nitranga i Jesosy.

**raha tany Sodoma no natao ireo asa mahagaga izay natao teto**

Azo atao hoe DH: "raha nataoko teo amin'ireo vahoakan'i Sodoma ireo asa mahagaga izay nataoko teo aminareo"

**asa mahagaga**

"asan'ny hery" na "fahagagana"

**dia mbola ho tavela izany mandrak' androany**

Ny mpisolotena "izany" dia maneho ny tanànan'i Sodoma.

**milaza aminareo Aho**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ho mora kokoa ho an'ny tanin'i Sodoma ny andron'ny fitsarana noho ny ho aminareo**

Eto ny "tanin'i Sodoma" dia manondro ireo olona izay nonina tao. DH: "Haneho famindrampo amin'ny vahoakan'i Sodoma bebe kokoa Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsarana noho ny aminareo" na "Hanafay anareo mafimafy kokoa noho ireo vahoakan'i Sodoma Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsarana"

**noho ny ho aminareo**

Azo hazavaina kokoa io. DH: "noho ny anareo, satria tsy nibebaka sy nino Ahy ianareo, na dia hitanareo nanao fahagagana aza Aho"

## Matthew 11:25

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy 25 sy 26, mivavaka amin'ny Rainy any an-danitra i Jesosy raha mbola teo amin'ny fantrehana ireo vahoaka. Ao amin'ny andininy 27, manomboka miresaka amin'ny olona indray Izy.

**Ray**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**Tompon'ny lanitra sy ny tany**

"Tompo manjaka eo amin'ny lanitra sy tany." Ny teny hoe "lanitra sy tany" dia ilazana ny olona sy zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao. DH: "Tompo izay manjaka eo amin'izao tontolo izao"

**Ianao no nanafina ireo zavatra ireo ... ary nanambara ireo**

Tsy dia mazava ny tiana ho lazaina amin'ny hoe "ireo zavatra ireo." Raha mila manazava an'io ny fiteninao, dia ity misy fandikana azo atolotra. DH: "Ianao no fahamarinana ireo ... ary nanambara ireo"

**ny hendry sy ny mahalala**

Mampiasa eso-teny i Jesosy. Tsy mihevitra Izy fa tena hendry tokoa ireo olona ireo. DH: "olona izay mihevitra fa hendry sy mahalala izy ireo"

**nanambara ireo**

"nampahafantatra ireny." Ny hoe "ireny" dia milaza "ireo zavatra" tao amin'ny andininy teo aloha teo.

**toy ireo ankizy kely**

Mampitaha olona tsy mahalala amin'ny ankizy kely i Jesosy. Tsindrian'i Jesosy fa maro amin'ieo mino Azy no tsy tena nianatra na mihevi-tena ho hendry.

**satria izany dia nahafinaritra teo imasonao**

nahafinaritra teo imasonao- Ny teny hoe "teo imasonao" dia sarin-teny ilazana ny fandraisan'ny olona iray ny zavatra iray. DH: "fa noraisinao ho tsara ny manao izany"

**Ny zavatra rehetra nankinina tamiko dia avy amin'ny Raiko**

Azo atao hoe DH: "Nankinin'ny Raiko tamiko ny zavatra rehetra" na "Natolotry ny Raiko ho Ahy ny zavatra rehetra"

**Ny zavatra rehetra**

Iroe mety ho dikany dia 1)  
Nampisehon'Andriamanitra tamin'i Jesosy ny zavatra rehetra momba Azy sy ny fanjakany na 2)  
Nomen'Andriamanitra an'i Jesosy n y fahefana rehetra.

**ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra io mba hampisehoana ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray**

"ny Ray irery no mahalala ny Zanaka"

**tsy misy mahalala**

Isaky ny mampiasa ity teny ity i Jesosy, ny teny hoe "mahalala" dia mihoatra noho ny fahafantarana ilay olona fotsiny. Ny hevitr'izany dia hoe mahalala ilay olona akaiky satria manana fifandraisana hafa mihitsy izy ireo.

**ny Zanaka**

Milaza ny amin'ny tenany fanintelony i Jesosy.

**Zanaka**

Fiantsoana mana-danja ilazana an'i Jesosy, ilay Zanaka'Andriamanitra io.

**tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka**

"ny Zanaka irery no mahalala ny Ray"

**Matthew 11:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny firesahany amin'ny vahoaka i Jesosy.

**izay miasa sy mitondra mavesatra**

I Jesosy dia miresaka amin'ireo olona toy ny hoe biby, izay hampilanjin'ny topony vesatra be loatra ao an-damosina izy ireo. Sarin-teny ilazana ireo lalàna sy fitsipika andrasan'ireo mpitarika Jiosy ho ankatoavin'ny olona io. DH: "izay miasa ao ambanin'ny lalàna apetrak'ireo mpitarika fivavahana aminareo"

**omeko fitsaharana ianareo**

"hamela anareo hitsahatra amin'ny asa sy vesatrareo Aho"

**Ento ny ziofako**

Manohy mampiasa sarin-teny i Jesosy. Manasa ny olona ho lasa mpianany sy hanaraka Azy i Jesosy.

**malemy fanahy sy manetry tena am-po Aho**

Eto ny hoe "malemy fanahy" sy "manetry tena am-po" dia mitovitovy hevitra ihany. Afangaron'i Jesosy ireo roa ireo mba hanamafisana fa ho tsara fanahy lavitra noho ireo mpitarika fivavahana i Jesosy.

**manetry tena am-po Aho**

Fomba fiteny izay midika hoe "manetry tena" io.

**hahita fitsaharana ho an'ireo fanahinareo ianareo**

Eto ny "fanahy" dia manondro ny maha-olona manontolo. DH: "hahita fitsaharana ho an'ny tenanareo ianareo" na "afaka ny hitsahatra ianareo"

**Fa mora ny ziofako ary maivana ny entako**

Samy mitovy hevitra ireo fehezanteny anankiroa ireo. Tsindrian'i Jesosy fa mora kokoa ny mankatoa Azy noho ireo lalàn'ny Jiosy. DH: "Fa izay apetrako eo aminareo, dia ho afaka ny hilaña azy ianareo satria maivana izany"

**maivana ny entako**

Ny teny hoe "maivana" eto dia mifanohitra amin'ny mavesatra.

## Chapter 12

<sup>1</sup> Tamin'izany fotoana izany Jesosy nandeha namakivaky ny tanimbary tamin'ny andro Sabata. Noana ireo mpianany ka nanomboka nioty salohim-bary dia nihinanana ireo. <sup>2</sup> Nefa noho ny hitan'ireo Fariseo izany, dia hoy izy ireo tamin'i Jesosy hoe: "Jereo, ireo mpianatrao manao izay tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny Sabata." <sup>3</sup> Fa Jesosy niteny azy ireo hoe: "Mbola tsy novakinareo mihitsy va ny zavatra nataon'i Davida, rehefa noana izy, sy ireo lehilahy rehetra niaraka taminy? <sup>4</sup> Niditra tao amin'ny tranon' Andriamanitra izy ary nihinana ny mofon'ny fanatrekena, izay tsy ara-dalàna ho azy raha hanina ary tsy ara-dalàna ho an'ireo izay niaraka taminy, nefa ara-dalàna ho an'ny lohan'ny mpisorona irery ihany. <sup>5</sup> Tsy mbola novakinareo va ny ao amin'ny lalàna, fa amin'ny Sabata ireo mpisorona ao an-tempoly dia manota ny Sabata nefa tsy manan-tsiny? <sup>6</sup> Kanefa lazaiko aminareo fa eto ny iray lehibe noho ny tempoly. <sup>7</sup> Raha fantatrareo ny hevitra ny hoe: 'Famindram-po no iriko fa tsy sorona,' dia tsy nanameloka ny tsy manan-tsiny ianareo. <sup>8</sup> Fa ny Zanak'Olona no Tompon'ny Sabata." <sup>9</sup> Avy eo Jesosy niala tao ka niditra tao amin'ny synagogan'izy ireo. <sup>10</sup> Indro, nisy lehilahy izay malemy tanana teo. Nanontany an'i jesosy ireo Fariseo, nanao hoe: "Ara-dalàna va ny manasitrana amin'ny Sabata?" mba hampangan'izy ireo Azy amin'ny fahotana. <sup>11</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Olona iza eo aminareo, iza, raha ondry iray fotsiny no ananany, ka raha latsaka anaty lavaka lalina ilay ondry amin'ny Sabata, no tsy hisambotra azy ary tsy hampakatra azy? <sup>12</sup> Tsy manan-danja mihoatra lavitra, va, ny olona noho ny ondry! Ka noho izany dia ara-dalàna ny manao soa amin'ny andro Sabata." <sup>13</sup> Avy eo hoy Jesosy tamin-dràlehilahy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Dia nahinjiny izany, ka niverina ny fahasalamany, tahaka ny tanany ilany. <sup>14</sup> Fa nivoaka ireo Fariseo ka nitetika ny hamono Azy. Nitady hevitra ny amin'ny fomba mety hamonona Azy izy ireo. <sup>15</sup> Rehefa nahalala izany Jesosy, dia niala teo Izy. Olona maro no nananaraka Azy, ary nositrany izy rehetra. <sup>16</sup> Dia nandidy azy ireo Izy mba tsy hampafantatra Azy amin'ny hafa, <sup>17</sup> mba hahatanteraka, izay efa nambara tamin'ny alalan' Isaiah mpaminany, manao hoe: <sup>18</sup> "Jereo, ny mpanompoko izay nofidiko; ry ilay malalako, izay sitrakin'ny fanahiko indrindra. Hapetrako ao aminy ny fanahiko, ary hanambara ny fitsaràna amin'ny Jentilisa izy. <sup>19</sup> Tsy hifanditra na hiantso mafy izy; ary tsy hisy olona handre ny feony eny an-dalàna. <sup>20</sup> Tsy hanapaka ny volotara torotoro izy; tsy hamono izay lahin-jiro manentona, mandrapanaony ny rariny ho fandresena, <sup>21</sup> ary amin'ny anarany no hananan'ireo Jentilisa fanantenana." <sup>22</sup> Avy eo nisy olona jamba sy moana, nitoeran'ny demonia, noentina teo amin'ny Jesosy. Nositrany izy, vokatr'izany dia niteny sy nahita ilay moana. <sup>23</sup> Gaga ireo vahoaka rehetra ka niteny hoe: "Mety io lehilahy io ve no Zanak'i Davida?" <sup>24</sup> Kanefa rehefa nandre izany fahagagana izany ireo Fariseo, dia hoy izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia tsy mamoka demonia raha-tsy amin'ny alalan'i Belzeboba, lehiben'ny demonia." <sup>25</sup> Kanefa fanatatr'i Jesosy ny eritreritr'izy ireo ka niteny azy ireo izy hoe: "Ny fanjakana rehetra miady an-trano dia tsy haharitra, ary ny tanàna na trano rehetra miady an-trano dia ho rava. <sup>26</sup> Raha mamoka satana ny satana, dia miady an-trano izy. Ahoana noho izany no hijoroan'ny fanjakany? <sup>27</sup> Ary raha mamoka ireo demonia amin'ny alalan'i belzeboba Aho, dia amin'ny alalan'iza izany no adroahan'ny zanakareo azy ireo? Noho izany antony izany dia ho mpitsaranao izy ireo. <sup>28</sup> Kanefa raha mamoka ireo demonia amin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra Aho, dia efa tonga aminareo ny Fanjakan'Andriamanitra. <sup>29</sup> Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona miditra ao an- tranon'ny lehilahy mahery ary maka ireo fananany raha tsy hafatotra aloha ilay lehilahy mahery? Avy eo haka ireo fananany ao an-tranony izy. <sup>30</sup> Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy, ary izay tsy mitambatra miaraka Amiko dia miparitaka. <sup>31</sup> Noho izany lazaiko aminareo fa, ho voavela heloka ny olona amin'ny fahotaha sy fitenenan-dratsy rehetra, fa ny fitenenan-dratsy amin'ny Fanahy Masina dia tsy hahazoana famelan-keloka. <sup>32</sup> Na iza na iza miteny manohitra ny Zanak'Olona, dia ho voavela izy. Fa na iza na iza miteny manohitra ny Fanahy Masina, dia tsy ho voavela izy, na amin'izao fiainana izao, na amin'izay ho avy. <sup>33</sup> Ataovy tsara ny hazo dia hamoa tsara izany, na ataovy ratsy ny hazo dia hamoa ratsy izany, fa fantatra amin'ny voany ny hazo. <sup>34</sup> Ianareo taranaky ny menarana, satria ratsy fanahy ianareo, koa ahoana no afahanareo miteny zavatra tsara? Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vavany. <sup>35</sup> Ny olona tsara avy amin'ny harena tsara ao am-pony dia mamokatra izay tsara, ary ny olon-dratsy avy amin'ny harena ratsy ao am-pony dia mamokatra izay ratsy. <sup>36</sup> Lazaiko aminareo fa amin'ny andron'ny fitsarana dia ho adinina amin'ny teny tsy voahevitra nolazainy avy ny olona. <sup>37</sup> Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anareo." <sup>38</sup> Avy eo nisy mpanora-dalàna sy Fariseo sasantsasany namaly an'i Jesosy ary niteny hoe: "Ry Mpampinatra, maniry ny ahita famatarana avy aminao izahay." <sup>39</sup> Fa namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Misy taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga mitady famantarana. Kanefa tsy misy famatarana omena azy afa-tsy ny famataran'i Jaona mpaminany. <sup>40</sup> Fa tahaka an'i Jonah izay telo andro sy telo alina tao an-kibon'ny trondro lehibe, dia ho toy izany koa no hitoeran'ny zanak'olona telo andro sy

telo alina ao anatin'ny tany. <sup>41</sup> Ireo olon'i Ninive dia hitsangana eo amin'ny fitsarana miaraka amin'ity taranaka ity ary hanameloka izany. Fa nibebaka izy ireo tamin'ny toritenin'i Jaonah, ary indro, misy olona lehibe noho jaonah eto. <sup>42</sup> Ny mpanjakavavin'ny atsimo dia hiara-hitsangana amin'ireo lehilahin'ity taranaka ity amin'ny andron'ny fitsarana ary hanameloka izany. Tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy mba handre ny fahendren'i Salomona, ary indro, misy olona lehibe noho Solomona eto. <sup>43</sup> Rehefa nisy fanahy ratsy niala tao amin'ny lehilahy iray, dia mandalo tany karakaina izy ary mitady fitsaharana, nefa tsy mahita izany. <sup>44</sup> Izany dia milaza hoe: 'Hiverina any amin'ny tranoko izay nihaviako aho.' Ary nony tonga, dia nahita fa voafafa ny trano ary nilamina. <sup>45</sup> Avy eo dia nandeha izany ary nitondra fanahy ratsy fito niaraka taminy izay ratsy mihoatra azy, ka niditra nonina tao izy rehetra. Avy eo niha-ratsy noho ny voalohany ny fiakaran'izany lehilahy izany. Ary ho tahaka izany koa ny amin'ity taranaka ratsy fanahy ity." <sup>46</sup> Raha mbola niteny tamin'ireo vahoaka Jesosy, dia indreo, ny reniny sy ireo rahalahiny nijoro tany ivelany, nitady hiresaka aminy. <sup>47</sup> Nisy olona iray niteny taminy hoe: "Jereo, ny reninao sy ireo rahalahinao mijoro ao ivelany, mitady iresaka aminao." <sup>48</sup> Fa namaly Jesosy ary niteny tamin'ilay niteny Azy hoe, "Iza no reniko ary iza ireo rahalahiko?" <sup>49</sup> Avy eo nahijiny tamin'ireo mpianany ny tanany ary niteny hoe: "Jereo, indreto ny reniko sy ireo rahalahiko!" <sup>50</sup> Fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, dia izany olona izany no rahalahiko, sy ny anabaviko, ary reniko."

### Matthew 12:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay ilazan'ny mpanoratra ny amin'ny fitomboan'ny fanoherana ny asan'i Jesosy. Eto, ireo Fariseo dia mitsikera ireo mpianany noho ny fanotazana vary amin'ny andro Sabata.

#### Tamin'izany fotoana izany

Manamarika fizarana vaovao ao amin'ny tantara io. DH: "Taoriana kelin'izany"

#### tanimbary

Toerana hambolena vary.

**nanoty salohim-bary dia nihinanana ireo ... manao izay tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny Sabata**  
Ny fanotazana voa eny amin'ny tanimbolin'olon-kafa dia tsy raisina ho fangalarana. Ny fanontaniana dia heo afaka ara-dalàna ve ny fanaovana izany amin'ny andro Sabata.

#### nanoty salohim-bary dia nihinanana ireo

"maka kely amin'ireo vary ary mihinana izany" na "maka kely amin'ireo voa ary mihinana izany"

#### salohim-bary

Io no laohan'ny vary maniry. Io no mihazaona ny voa matoy.

#### ireo Fariseo

Tsy hoe ny Fariseo rehetra no dikan'io. DH: "ny sasany tamin'ireo Fariseho"

#### Jereo

Mampiasa io teny io ireo Fariseo mba hisintonana ny saina manoloana izay ataon'ireo mpianatra.

### Matthew 12:3

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamaly ny fanankianan'ireo Fariseo i Jesosy.

#### azy ireo

"ireo Fariseo"

#### Mbola tsy novakinareo mihitsy va ... niaraka taminy?

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ny fanankianan'ireo Fariseo. Mampitandrina azy ireo mba hihevitra ny dikan'ireo soratra masina izay novakian'izy ireo i Jesosy. DH: "Fantatro fa efa namaky ny momba ny ... niaraka taminy"

#### tranon' Andriamanitra

Tamin'ny andron'i Davida dia mbola tsy nisy tempoly. DH: "tabernakley" na "toerana fivavahana amin'Andriamanitra"

#### mofon'ny fanatrahana

Mofa masina izay napetrak'ireo mpisorona teo anatrehan'Andriamanitra tao amin'ny tabernakely io. DH: "mofa izay napetrak'ireo mpisorona teo antrehan'Andriamanitra" na "ilay mofa masina"

#### ireo izay niaraka taminy

"ireo lehilahy izay niaraka tamin'i Davida"

#### ara-dalàna ho an'ny lohan'ny mpisorona irery ihany

"saingy, araka ny lalàna, dia ny mpisorona ihany no afaka nihinanana izany"

### Matthew 12:5

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mamaly ireo Fariseo i Jesosy.

#### Tsy mbola novakinareo va ny ao amin'ny lalàna ... nefa tsy manan-tsiny

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ny fanankianan'ireo Fariseo. Mampitandrina azy ireo

mba hihevitra ny dikan'ireo soratra masina izay novakian'izy ireo i Jesosy. DH: "Ary, efa novakianareo tao amin'ny lalàn'i Mosesy ny momba ny ... nefa tsy manan-tsiny"

#### **manota ny Sabata**

"manao amin'ny andro Sabata izay ataon'izy ireo amin'ny andro hafa"

#### **tsy manan-tsiny**

"Tsy hanasazy azy ireo Andriamanitra" na "Tsy raisin'Andriamanitra ho meloka izy ireo"

#### **lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io.

#### **iray lehibe noho ny tempoly**

"olona iray izay manan-danja noho ny tempoly." Ilay iray izay lehibe kokoa dia nilazan'i Jesosy ny tenany.

### **Matthew 12:7**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ireo Fariseo i Jesosy.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 7, milaza ny teninin'i Hosea i Jesosy mba hananarana ireo Fariseo.

#### **Raha fantatrareo ny hevitra ny hoe: 'Famindram-po no iriko fa tsy sorona,' dia tsy nanameloka ny tsy manan-tsiny ianareo**

Eto i Jesosy dia manambara ny soratra masina. DH: "Nosoratan'i Hosea hatry ny ela izao: 'Famindram-po no iriko fa tsy sorona.' Raha nahazo ny dikan'izany ianareo, dia tsy ho nanameloka ireo tsy manan-tsiny"

#### **Famindram-po no iriko fa tsy sorona**

Ao amin'ny lalàn'i Mosesy, dia nandidy ireo Zanak'Israely mba hanolotra sorona Andriamanitra. Ny dikan'io dia hoe raisin'Andriamanitra ho manan-danja kokoa ny famindram-po noho ny sorona.

#### **iriko**

Ny mpisolotena tampisaka "-ko" dia manondro an'Andriamanitra.

#### **tsy manan-tsiny**

Azo adika hoe DH: "ireo izay tsy manan-tsiny"

#### **Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany i Jesosy.

#### **no Tompon'ny Sabata**

"no manapaka ny Sabata" na "manao ny lalàna momba izay afaka ataon'ny olona amin'ny Sabata"

### **Matthew 12:9**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana izay nitsikera ireo Fariseo an'i Jesosy nohon'ny

fanositranany lehilahy malemy tanana tamin'ny andro Sabata ny tantara.

#### **Avy eo Jesosy niala teo**

"Niala teo amin'ny tanimbary i Jesosy" na "Avy eo dia niala i Jesosy"

#### **synagoga'izy ireo**

Eto ny "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy amin'ny ankapobeny fa tsy ireo Fariseo teo aloha ihany.

#### **Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

#### **lehilahy izay malemy tanana**

"lehilahy izay tsy afa-nihetsika ny tanany" na "lehilahy maty tanana"

#### **Nanontany an'i jesosy ireo Fariseo, nanao hoe: "Ara-dalàna va ny manasitrana amin'ny Sabata?" mba hiampangan'izy ireo Azy amin'ny fahotana**

"Te hiampanga an'i Jesosy ho manota ireo Fariseo, koa nanontany izy ireo hoe: 'Ara-dalàna ve ny manasitrana amin'ny andro Sabata'"

#### **Ara-dalàna va ny manasitrana amin'ny Sabata?**

"Araka ny lalàn'i Mosesy, afaka manasitrana olona iray hafa ve ny olona amin'ny andro Sabata?"

#### **mba hiampangan'izy ireo Azy amin'ny fahotana**

Tsy te hiampanga an'i Jesosy teo anatrehan'ny olona fofiny ihany ireo Fariseo. Tian'ireo Fariseo hanome valin-teny mifanohitra amin'ny lalàn'i Mosesy i Jesosy mba hahafahan'izy ireo mitondra azy eo anatrehan'ny mpitsara ary hiampanga Azy amin'ny fomba ara-dalàna nohon'ny fandikan-dalàna.

### **Matthew 12:11**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaly ny fitsikera ireo Fariseo i Jesosy.

#### **Olona iza eo aminareo, iza, raha ondry iray fotsiny no ananany ... o tsy hisambotra azy ary tsy hampakatra azy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ireo Fariseo. Mampisaina azy ireo mba hihevitra karazan'asa ataon'izy ireo amin'ny andro Sabata Izy. DH: "Ny rehetra aminareo, raha nanana ondry iray monja ... dia hisambotra ilay ondry ary hampakatra azy"

#### **Tsy manan-danja mihoatra lavitra, va, ny olona noho ny ondry!**

Ny teny hoe "tsy mihoatra lavitra va" dia manamafy ny teny rehetra. DH: "Mazava ho azy, ny olona iray dia mana-danja mihoatra lavitra noho ny ondry!" na "hevero ny fihoranan'ny lanjan'ny olona mihoatra ny ondry"

#### **ara-dalàna ny manao soa amin'ny andro Sabata**

"ireo izay manao ny tsara amin'ny andro Sabata dia mankatoka ny lalàna"



**Matthew 12:13**

**Avy eo hoy Jesosy tamin-drarahilany hoe: "Ahinjira ny tananao."**

Azo adika amin'ny fiteny tsy mivantana io. DH: "Avy eo Jesosy dia nandidy ilay lehilahy mba haninjitra ny tanany"

**tamin-drarahilany**

"tamin'ilay lehilahy nalemy tanana" na "tamin'ilay lehilahy maty tanana"

**Ahinjira ny tananao**

"Atsotray ny tananao" na "Avelaro ny tananao"

**nahinjira**

"Nahinjira'ilay lehilahy"

**niverina ny fahasalamany**

Azo adika hoe DH: "dia salama indray izany"

**nitetika ny hamono Azy**

"nikasa ny hamely an'i Jesosy"

**Nitady hevitra ny amin'ny fomba mety hamonona Azy**

"nifampiresaka ny amin'ny fomba mety hamonona'izy ireo an'i Jesosy"

**Matthew 12:15**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity tranga ity dia manazava ny fomba nahatanterahan'ny asan'i Jesosy ny iray amin'ireo faminanian'Isaia.

**Rehefa nahalala izany Jesosy**

"Tonga saina tamin'ny izay nokasain'ireo fariseo i Jesosy, koa"

**niala teo**

"nandao"

**tsy hampafantatra Azy amin'ny hafa**

"tsy hilaza amin'iza na iza momba Azy"

**mba nahatanteraka, izay**

Azo adika amina fehezanteny vaovao io. DH: "Izany no nanatanteraka izay"

**izay efa nambara tamin'ny alalan' Isaia mpaminany, manao hoe**

Azo atao hoe DH: "izay nambaran'Andriamanitra hatry ny ela tamin'ny alalan'Isaia mpaminany"

**Matthew 12:18**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto i Matio dia manambara ny tenin'Isaia mba hampiseho fa nahatanteraka ny faminania ny asa fanompoan'i Jesosy.

**Jereo**

Nampiasa io teny io Andriamanitra mba hampafantarana olona vaovao.

**ny mpanompoko izay nofidiko**

Ny mpisolotena tampisaka "-ko" rehetra dia manondro an'Andriamanitra. Milaza ny tenin'Andriamanitra i Isaia.

**izay sitrakin'ny fanahiko indrindra**

Eto ny hoe "fanahy" dia manondro ilay olona manontolo. DH: "Sitrako indrindra Izy"

**ary ... Izy**

"ary ny mpanompoko"

**hanambara ny fitsarana**

Eto ny "fitsarana" dia tsy midika hoe "famaizana." Ny dikan'io dia hoe hilaza amin'ireo Jentilisa ilay mpanompo fa marina Andriamanitra, ary hamonjy azy ireo Izy.

**Matthew 12:19**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ny tenin'Isaia i Matio.

**ary tsy hisy olona handre ny feony**

Eto ny "feo" dia manondro ilay olona manontolo. DH: "Ary tsy hiteny mafy izy"

**eny an-dalàna**

Fomba fiteny izay midika hoe "ampahibemaso" io. DH: "ireo tanàna sy vohitra"

**Tsy hanapaka ny volotara torotoro izy; tsy hamono izay lahin-jiro manentona**

Samy mitovy hevitra ireo teny roa ireo. Ireo dia sarin-teny manamafy fa ho malemy fanahy sy tso-po ilay mpanompon'Andriamanitra. Ny "volotara torotoro" sy "lahin-jiro manentona" dia samy maneho olona kely hery sy maratra fo. Raha mampifangaro be io sarin-teny io dia afaka adikanao aminy heviny ara-bakiteny io. DH: "ho malemy fanahy amin'ireo olona kely hery Izy, ary ho tso-po amin'ireo izay maratra fo"

**volotara torotoro**

"hazo potika"

**lahin-jiro manentona**

Maneho ny lahin-jiro raha vao maty ny afo ka manetroka io.

**mandra-panaony**

Azo adika hoe DH: "Izany no hataony mandra-..."

**mandra-panaony ny rariny ho fandresena**

"mandra-pahatanterany ny fitondrana ny rariny sy famonjena eo amin'ny olona." Ny teny hoe "rariny" dia azo adika hoe "marina" na "mamony." DH: "fantatry ny olona fa marina Aho, ary hamonjy azy ireo Aho"

**anarany**

Eto ny "anarana" dia manondro ilay olona manontolo. DH: "aminy"

**Matthew 12:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto dia mivadika makany amin'ny niampangan'ireo Fariseo an'i Jesosy ho nanasitrana olona tamin'ny herin'i Satana indray ny tantara.

**Avy eo nisy olona jamba sy moana, nitoeran'ny demonia, noentina teo amin'ny Jesosy**

Azo atao hoe DH: "Avy eo dia nisy olona nitondra lehilahy iray izay sady jamba no marenina teo amin'i Jesosy satria nisy Demonia namatotra azy"

**olona jamba sy moana**

"olona izay tsy afaka nahita ary tsy afaka niteny"

**Gaga ireo vahoaka rehetra**

"Talanjona tanteraka ireo olona izay nahita an'i Jesosy nanasitrana ilay lehilahy"

**Zanak'i Davida**

Fiantsoana ilazana ny Kristy na Mesia io.

**Zanak'i**

Eto dia "taranak'i" no dikan'io.

**Matthew 12:24****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 25, i Jesosy dia manomboka mamaly ny fiampangan'ireo Fariseo fa nanasitrana ilay lehilahy tamin'ny alalan'ny herin'i Satana Izy.

**izany fahagagana izany**

Maneho ilay fahagagan'ny fanasitranana lehilahy jamba, moana, izay nofatoran'ny demonia io.

**Io lehilahy io dia tsy mamoka demonia raha-tsy amin'ny alalan'i Belzeboba**

Azo adika hoe DH: "satria manompon'i Belzeboba izy, dia izany ihany no ahafahan'io lehilahy io mamoka demonia"

**Io lehilahy io**

Tsy miantso an'i Jesosy amin'ny anarany ireo Fariseo mba hampisehoana fa mandà Azy.

**lehiben'ny demonia**

"andrian'ny demonia"

**Ny fanjakana rehetra miady an-trano dia tsy haharitra, ary ny tanàna na trano rehetra miady an-trano dia ho rava**

Mampiasa ohabolana i Jesosy mba hamaliana ireo Fariseo. Samy mitovy hevitra ireo teny roa ireo. Manamafy ireo fa tsy misy dikany raha mampiasa ny heriny mba hiadiana amin'ny demonia hafa i Belzeboba.

**Ny fanjakana rehetra miady an-trano dia tsy haharitra**

Eto ny "fanjakana" dia maneho ireo izay monina ao amin'ilay fanjakana. Azo adika hoe DH: "tsy haharitra ny fanjakana iray raha miady eo amin'ny samy izy ireo ny olona"

**ny tanàna na trano rehetra miady an-trano dia ho rava**

Eto ny "tanàna" dia maneho ireo olona monina ao. Ary ny "trano" dia maneho fianakaviana iray. DH: "potika ny tanàna na trano iray rehefa mifampiadry ny olona"

**Matthew 12:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ny fiampangan'ireo Fariseo Azy ho nanasitrana ilay lehilahy tamin'ny alalan'ny herin'i Satana i Jesosy.

**Raha mamoka satana ny satana**

Ny satana faharoa dia maneho ireo demonia izay manompo an'i Satana. DH: "Raha manohitra ny demoniany manokana i Satana"

**satana ... belzeboba**

Olona iray ihany no tondroin'ireo anarana anankiroa ireo.

**Ahoana noho izany no hijoroan'ny fanjakany?**

Mampiasa fanontaniana hampitandramana ireo Fariseo i Jesosy. DH: "Tsy afaka hijoro ny fanjakan'i Satana" na "tsy haharitra ny fanjakan'i Satana"

**dia amin'ny alalan'iza izany no adroahan'ny zanakareo azy ireo?**

Mampiasa fanontaniana iray hafa i Jesosy mba hampitandremana ireo Fariseo. DH: "dia tokony hiteny ianareo fa ireo mpanara-dia anareo koa dia mandroaka demonia amin'ny herin'i Belzeboba. Saingy, fantatrareo fa tsy marina izany"

**zanakareo**

Miresaka amin'ireo Fariseo i Jesosy. Ny teny hoe "zanakareo" dia manondro ireo mpanara-dia azy ireo. Fomba niraisana nilazana ireo izay manaraka mpampianatra na mpitarika izany. DH: "ireo mpanara-dia anareo"

**Noho izany antony izany dia ho mpitsaranao izy ireo**

"Satria mandroaka demonia amin'ny herin'Andriamanitra ny mpanara-dia anareo, dia manaporofa izy ireo fa diso ianareo ny amin'ny momba Ahy"

**Matthew 12:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ireo fariseo i Jesosy.

**Kanefa raha**

Eto ny hoe "raha" dia tsy midika fa mametra-panontaniana momba ny fandroahany demonia i Jesosy. Eto dia mampiasa izany teny izany i Jesosy

mba hampidirana filazana marina. DH: "Saingy, satria ... Aho"

**dia efa tonga aminareo ny Fanjakan'Andriamanitra**  
Eto ny "fanjakana" dia maneho ny fanapahan'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "midika izany fa mametraka ny fanapahany eo aminareo Andriamanitra"

**tonga aminareo**  
manondro ireo vahoakan'Israely ny hoe "-nareo" eto.

**Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona miditra ao an- tranon'ny ... fananany**  
Mampiasa fanoharana i Jesosy mba hanohizana ny famaliany ireo Fariseo. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia afaka mandroaka demonia Izy satria mahery noho i Satana.

**Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona miditra ... tsy hafatotra aloha ilay lehilahy mahery?**  
Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo Fariseo sy ireo vahoaka. DH: "Tsy misy afaka miditra ... raha tsy mamatotra ilahy lehilahy mahery aloha" na "Raha te hiditra ... dia tsy maintsy mamatotra ilay lehilahy mahery aloha izy"

**raha tsy hafatotra aloha ilay lehilahy mahery?**  
"raha tsy mifehy ilay lehilahy mahery"

**Avy eo haka ireo fananany**  
"Avy eo dia afaka mangalatra" na "Avy dia ho afaka ny hangalatra"

**tsy momba Ahy**  
"izay tsy manohana Ahy" na "izay tsy miara-miasa amiko"

**manohitra Ahy**  
"izay miasa anohitra Ahy"

**tsy mitambatra miaraka Amiko dia miparitaka**  
Mampaisa Sarin-teny i Jesosy mba hilazana olona iray dia managona andrian'ondry ho any amin'ny mpiandry ondry, na manaparitaka azy ireo lavitry ny mpiandry. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe: ny olona iray dia manampy mba hahatonga ny olona ho mpianatr'i Jesosy, na manao izay handavan'ny olona Azy.

### Matthew 12:31

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy mamaly ireo fariseo i Jesosy.

**lazaiko aminareo**  
Manamafy izay lazain'i Jesosy manaraka io. Miresaka mivantana amin'ireo Fariseo i Jesosy, saingy mampianatra ireo vahoaka koa Izy.

**ho voavela heloka ny olona amin'ny fahotaha sy fitenenan-dratsy rehetra**  
Azo atao hoe DH: "Ho avelan'Andriamanitra ny fahotana rehetra izay ataon'ny olona sy ireo zavatra ratsy rehetra izay lazain'izy ireo" na "Ho avelan'Andriamanitra ny olona rehetra izay manota na miteny zavatra ratsy"

**ny fitenenan-dratsy amin'ny Fanahy Masina dia tsy hahazoana famelan-keloka**  
Azo atao hoe DH: "Tsy ho avelan'Andriamanitra ny olona izay miteny zavatra ratsy momba ny Fanahy Masina"

**Na iza na iza miteny manohitra ny Zanak'Olon**  
Eto ny "miteny" dia maneho izay lazain'ny olona iray. DH: "Ary raha misy olona milaza zavatra ratsy momba ny Zanak'Olon"

**Zanak'Olon**  
Milaza ny amin'ny tenany i Jesosy.

**dia ho voavela izy**  
Azo atao hoe DH: "hamela ny olona noho izany Andriamanitra"

**tsy ho voavela izy**  
Azo atao hoe DH: "tsy hamela izany olona izany Andriamanitra"

**na amin'izao fiainana izao, na amin'izay ho avy**  
Eto ny hoe "izao fiainana izao" sy "izay ho avy" dia maneho ny fiainana ankehitriny sy ny fiainan-ko avy. DH: "ankehitriny ka ho mandrakizay"

### Matthew 12:33

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy mamaly ireo fariseo i Jesosy.

**Ataovy tsara ny hazo dia hamoa tsara izany, na ataovy ratsy ny hazo dia hamoa ratsy izany**  
Ireo mety ho dikany dia 1) "Raha ataonareo tsara ny hazo iray, dia ho tsara ny voany, ary raha ataonareo ratsy ny hazo iray, dia ho ratsy ny voany" na 2) "Raha ataonareo hoe tsara ny hazo iray, dia satria tsara ny voany, ary raha ataonareo hoe ratsy ny hazo iray, dia satria ratsy ny voany." Ohabolana io. Tokony hampiatra ny fahamarinan'izany ny olona mba hahantaran'izy ireo raha tsara na ratsy ny olona iray.

**tsara ... ratsy**  
"salama ... marary"

**fantatra amin'ny voany ny hazo**  
Azo atao hoe DH: "fantatry ny olona raha tsara na ratsy ny hazo iray amin'ny fijerena ny voany"

**Ianareo taranaky ny menarana**  
Eto ny hoe "menarana" dia midika hoe "manana ny toetoetry ny." Ny menarana dia bibilava misy poizina izay loza be ary maneho ny ratsy. Jereo ny

fomba nandikanao ny teny mitovy amin'izany ao amin'ny 3:7.

#### **ahoana no afahanareo miteny zavatra tsara?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo Fariseo. DH: "tsy afaka milaza zavatra tsara ianareo" na "zavatra ratsy ihany no mba hainareo lazaina"

**Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vavany**  
Eto ny hoe "haben'ny ao am-po" dia ilazana ny eritreritra ao an-tsain'ny olona iray. Ny "vava" eto dia anehoana olona iray. DH: "izay lazain'ny olona amin'ny vavany dia mampiseho izay ao an-tsainy"

**Ny olona tsara avy amin'ny harena tsara ao am-pony dia mamokatra izay tsara, ary ny olon-dratsy avy amin'ny harena ratsy ao am-pony dia mamokatra izay ratsy**  
Miresaka momba ny "fo" toy ny hoe fitoeran-javatra izay fenoin'ny olona zavatra tsara na ratsy i Jesosy. Io dia sarin-teny izay midika fa izay lazain'ny olona iray no maneho hoe toy ny ahoana tokoa ilay olona. Azonao adika amin'ny heviny ara-bakiteny io. DH "Ny olona izay tena tsara dia hiteny zavatra tsara, ary ny olona izay tena ratsy dia hiteny zavatra ratsy"

#### **Matthew 12:36**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny famaliany ny fiampangan'ireo Fariseo fa nanasitrana ilay lehilahy tamin'ny herin'ny Satana i Jesosy.

##### **Lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

##### **ho adinina amin'ny**

"ho adinin'Andriamanitra amin'ireo olona ny amin'ny" na "hanazava amin'Andriamanitra ny olona"

##### **ny teny tsy voahevitra nolazainy**

Eto ny "teny" dia ilazana zavatra lazain'ny olona. DH: "ireo teny maharary izay lazain'izy ireo"

##### **no hanamarinana anao ... hanamelohana anao**

Azo adika hoe DH: "Ho hamarinin'Andriamanitra ianareo ... Ho melohin'Andriamanitra ianareo"

#### **Matthew 12:38**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny resaka ato amin'ireto andininy ireto dia niseho avy hatrany taorian'ny namalian'i Jesosy ny fiampangan'ireo fariseo Azy ho nanasitrana ilay lehilahy tamin'ny herin'i Satana.

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 39, dia manomboka mananatra ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo i Jesosy.

##### **maniry**

"tianay ny"

##### **ny ahita famatarana avy aminao**

Azonao atao mazava ny antony hanirian'izy ireo hahita famantarana. DH: "hahita famantarana avy aminao izay manaporofa fa marina izay lazainao"

##### **Misy taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga mitady famantarana ... omena azy**

Miresaka amin'ny taranaka tamin'io fotoana io i Jesosy. DH: "Ianareo dia taranaka ratsy sy mpijangajanga izay mangataka famantarana avy amiko ... omena anareo"

##### **taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga**

Eto ny hoe "mpijangajanga" dia sarin-teny ilazana ireo olona izay tsy mino Andriamanitra. DH: "taranaka tsy mino" na "taranaka tsy manana an'Andriamanitra"

##### **mitady famantarana**

Ity fangatahana ity dia nahatezitra an'i Jesosy nohon'ny toe-tsain'izy ireo feno fanahiana momba an'i Jesosy. Efa nanao fahagagana maro Izy, saingy mbola tsy nino Azy ihany izy ireo.

##### **tsy misy famatarana omena**

Azo atao hoe DH: "Tsy hanome famantarana Andriamanitra"

##### **afa-tsy ny famataran'i Jona**

"afa-tsy ilay famantarana izay nomen'Andriamanitra an'i Jona mpaminany ihany"

##### **telo andro sy telo alina**

Eto ny "andro" sy "alina" dia midika 24 ora feno. DH: "telo andro maninjitra"

##### **zanak'olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

##### **ao anatin'ny tany**

Any anaty fasana no dikan'io.

#### **Matthew 12:41**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mananatra ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo i Jesosy.

##### **Ireo olona avy any Ninive**

"Ireo mponina ao Ninive"

##### **dia hitsangana eo amin'ny fitsarana miaraka amin'ity taranaka ity**

"Hitsangana amin'ny andron'ny fitsarana ary hampanga ity taranaka ity"

##### **ity taranaka ity**

Ny tian'i Jesosy ambara dia ireo olona velona tamin'ny androny.

**ary hanameloka izany**

Andriamanitra no tena hanameloka ny taranaka velona tamin'ny andron'i Jesosy. DH: "ary hihaino ireo mponin'i Ninive Andriamanitra ary hanameloka ity taranaka ity"

**ary indro**

"ary jereo." Manamafy izay ho lazain'i Jesosy manaraka io.

**olona lehibe noho**

"olona manan-danja kokoa"

**olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**noho Jona eto**

Azonao ataonao mazava ny hevitra ny fanambaran'i Jesosy. DH: "noho i Jona eto, kanefa mbola tsy nibabaka ihany ianareo, izany no antony hanamelohan'Andriamanitra anareo"

**Matthew 12:42****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mananatra ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo i Jesosy.

**Ny mpanjakavavin'ny atsimo**

Ilazana ny mpanjakavavin'ny Sheba io. Sheba dia tany any atsimon'Israely.

**hitsangana miaraka amin'ireo olon'ity taranaka ity**

"hitsangana amin'ny andron'ny fitsarana ary hampanga ny olon'ity taranaka ity." Jereo ny nandikananao ny teny mitovy amin'io ao amin'ny 12:41.

**ity taranaka ity**

Olona velona tamin'ny andro nitorian'i Jesosy no dikan'io.

**ary hanameloka izany**

Andriamanitra no tena hanameloka ny taranaka velona tamin'ny andron'i Jesosy. DH: "ary hihaino ireo mponin'i Ninive Andriamanitra ary hanameloka ity taranaka ity." Jereo ny nandikananao ny teny mitovy amin'io ao amin'ny 12:41.

**Tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy**

Eto ny hoe "faran'ny tany" dia fomba fiteny izay midika hoe "tena lavitra be." DH: "Tonga avy any lavitra be izy"

**ary indro**

"ary jereo." Manamafy izay ho lazain'i Jesosy manaraka io.

**misy olona lehibe**

"olona manan-danja kokoa"

**olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**noho Solomona eto**

Azonao ataonao mazava ny hevitra ny fanambaran'i Jesosy. DH: "noho i Solomona eto, kanefa mbola tsy nibabaka ihany ianareo, izany no antony hanamelohan'Andriamanitra anareo"

**Matthew 12:43****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mananatra ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo i Jesosy.

**Rehefa nisy fanahy ratsy ... ity taranaka ratsy fanahy ity**

Milaza fanoharana i Jesosy mba hampitandremana ny amin'ny fahaloazan'ny tsy finoana Azy.

**tany karakaina**

"toerana maina" na "toerana izay tsy misy olona mipetraka"

**nefa tsy mahita izany**

Eto ny "izany" dia ilazana ilay fitsaharana.

**Izany dia milaza hoe: 'Hiverina any amin'ny tranoko izay niaviako aho.'**

Azo adika toy izao io DH: "Noho izany, dia manapa-kevitra ny hiverina any amin'ny trano izay niaviany ilay fanahy maloto"

**tranoko izay niaviako**

Sarin-teny ilazana olona iray izay nitoeran'ilay fanahy maloto io. DH: "any amin'ny toerana nialako"

**nahita fa voafafa ny trano ary nilamina**

Azo atao hoe DH: "hitan'ilay fanahy maloto fa nisy olona namafa madio ilay trano ary nisy namerina ny zavatra rehetra tamin'ny laoniny"

**voafafa ny trano ary nilamina**

Eto indray, ny "trano" dia sarin-teny ilazana ilay olona izay nitoeran'ilay fanahy maloto. Eto, ny hoe "voafafa sy nilamina" dia manolo-kevitra fa tsy misy mipetraka ao amin'ilay trano. Ny tian'i Jesosy ambara dia hoe: rehefa miala amin'olona iray ny fanahy maloto, dia tsy maintsy manasa ny Fanahy Masina hitoetra ao aminy izy raha tsy izany dia hiverina ilay demonia.

**ho tahaka izany koa ny amin'ity taranaka ratsy fanahy ity**

Midika izany fa raha tsy mino Azy ary tonga mpianany ireo olona tamin'ny andron'i Jesosy, dia ho ratsy lavitra ny toe-javatra hiainan'izy ireo alohan'ny hahatongavany.

**Matthew 12:46****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny fahatongavan'ny reny sy rahalahin'i Jesosy dia lasa irika ho Azy hanehoana ny fianakaviany ara-panahy.

**indreo**

Ny teny hoe "indreo" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteninao.

**ny reniny**

I Maria io, ilay renin'i Jesosy ara-nofo.

**ireo rahalahiny**

Mety ho zaza naterak'i Maria hafa ireo. Saingy, mety ho zanaky ny mpiray tampona amin'ny ray aman-dreniny koa.

**nitady hiresaka**

"te hiresaka"

**Nisy olona iray niteny taminy hoe: "Jereo, ny reninao sy ireo rahalahinao mijoro ao ivelany, nitady hiresaka aminao."**

Azo adika amin'ny teny tsy mivantana io. DH: "Nisy olona nilaza tamin'i Jesosy fa any ivelany ny reny sy rahalahin'i Jesosy ary te hiresaka aminy"

**Matthew 12:48****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiakaran'ny fizaran-tantara izay niantomboka tao amin'ny toka 12:1, izay nilazan'ny mpanoratra ny amin'ny fitomboan'ny fanoherana ny asa fanompoan'i Jesosy.

**ilay niteny Azy**

Ny antsipirihiny amin'ny hafatra nambaran'ilay olona tamin'i Jesosy dia efa takatra ary tsy miverina

eto. DH: "izay nilaza tamin'i Jesosy fa te hiresaka aminy ny reniny sy ireo rahalahiny"

**Iza no reniko ary iza ireo rahalahiko?**

Mampiasa ireo fanontaniana ireo i Jesosy mba hampianarana ireo olona. DH: "Hilaza aminareo izay tena reniko sy rahalahiko Aho"

**Jereo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**indreto ny reniko sy ireo rahalahiko**

Io dia sarin-teny izay midika fa isan'ireo fianakaviana ara-panahin'i Jesosy ireo mpianany. Lehibe kokoa izany noho ny hoe isan'ny fianakaviany ara-nofo.

**Fa izay**

"izay rehetra"

**Raiko**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**dia izany olona izany no rahalahiko, sy ny anabaviko, ary reniko**

Io dia sarin-teny izay midika fa ireo izay mankatoa an'Andriamanitra dia isan'ny fianakaviana ara-panahin'i Jesosy. Lehibe kokoa izany noho ny hoe isan'ny fianakaviany ara-nofo.

## Chapter 13

<sup>1</sup> Tamin'izany andro izany Jesosy nandeha nivoaka ny trano ary nipetraka teo amoron'ny ranomasina. <sup>2</sup> Nisy vahoaka maro niangona nanodidina Azy, ka dia niditra tao an-tsambokely Izy ary nipetraka tao amin'izany, raha nitsangana teo amoron-dranomasina kosa ny vahoaka rehetra. <sup>3</sup> Avy eo Jesosy nilaza zavatra maro tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana. Hoy Izy hoe: "Indro, nisy mpamboly iray nandeha nivoaka hamafy voa. <sup>4</sup> Raha izy namafy iny, dia nisy voa sasany latsaka teny amoron-dalana, ary tany ireo vorona ka nandrapaka ireo. <sup>5</sup> Ireo voa hafa indray dia latsaka teny amin'ny tany be vato, izay tsy nahazoan'ireo nofon-tany tsara. Avy hatrany dia naniry ireo, satria tsy lalina ny tany. <sup>6</sup> Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia maina ireo satria tsy nisy fakany, ary dia nalazo. <sup>7</sup> Nilatsaka teo amin'ny tsilo ireo voa hafa. Naniry ireo tsilo ary nangenja azy ireo. <sup>8</sup> Ireo voa hafa nilatsaka tamin'ny tany tsara ary namoa voany, ny sasany avo zato heny, ny sasany enim-polo, ary ny sasany telo-polo. <sup>9</sup> Izay manan-tsofina, aoka izy hiaino." <sup>10</sup> Tamy ireo mpianatra ary niteny an'i Jesosy hoe: "Nahoana ianao no miresaka amin'ireo vahoaka amin'ny alalan'ny fanoharana?" <sup>11</sup> Namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Ianareo no nomena tombony hahafantatra ireo zava-miafin'ny fanjakan'ny lanitra, fa ho azy ireo dia tsy nomena izany. <sup>12</sup> Satria na iza na iza manana, dia ho be kokoa aza no homena. Fa na iza na iza kosa tsy manana, na izay hananany aza ho esorina aminy. <sup>13</sup> Izany no antony hiresahako amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanoharana: Na dia mijery aza izy ireo, dia tsy mahita; ary na dia mihaino aza izy ireo, dia tsy mandre, na mahazo. <sup>14</sup> Amin'izy ireo ny faminanian'Isaia no tanteraka, izay milaza hoe: 'Rehefa mihaino dia handre ianareo, saingy tsy hahazo mihitsy; rehefa mijery dia hahita ianareo, saingy tsy hahatakatra. <sup>15</sup> Fa lasa donto ny fon'ity vahoaka ity, ary mafy sofina izy ireo, ary nakipin'izy ireo ny masony, mba tsy hahita amin'ny mason'izy ireo, na handre amin'ny sofina'izy ireo, na hahazo amin'ny fon'izy ireo, ka hibe-baka indray izy ireo, ary hanasitrana azy ireo Aho.' <sup>16</sup> Fa sambatra ny masonareo, satria mahita; ary ny sofinareo, satria mandre. <sup>17</sup> Lazaiko marina aminareo fa mpaminany sy olo-marina maro no naniry ny hahita ireo zavatra izay hitanareo, kanefa tsy nahita an'ireo. Naniry ny handre ireo zavatra izay renareo izy ireo, kanefa tsy nandre an'ireo. <sup>18</sup> Koa mihainoa ary ny fanoharana ny amin'ny mpamboly iray izay namafy ny voany. <sup>19</sup> Rehefa misy mandre ny tenin'ny fanjakana kanefa tsy mahazo izany, dia tonga ilay ratsy ary manongotra izay nafafy tao am-pony. Io ilay voa nafafy teny amoron-dalana. <sup>20</sup> Ilay nafafy teny amin'ny tany be vato dia ny olona izay mandre ny teny ary avy hatrany dia mandray azy am-pifaliana, <sup>21</sup> saingy tsy mbola miorim-paka ao anatiny izy ary dia maharitra vetivety ihany. Rehefa tonga ny fahoriana na ny fanenjehana nohon'ny amin'ny teny, dia malaky tafintohina izy. <sup>22</sup> Ilay nafafy teny amin'ny tsilo, io dia ny olona izay mandre ny teny, saingy ny fiahiahian'izao tontolo izao sy ny fitaky ny harena no mangeja ny teny, ary dia lasa tsy mamoa izy. <sup>23</sup> Ilay nafafy teo amin'ny tany tsara, io no olona izay mandre ny teny ary mahazo izany. Mamoa voankazo izy ary mahatonga ny voa iray, hanome avo zato heny mihoatra izay nambolena, ny sasany enim-polo, ny sasany avo telo-polo heny." <sup>24</sup> Naneho fanoharana iray hafa tamin'izy ireo Jesosy. Hoy Izy hoe: "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lehilahy iray izay namafy voa tsara tao amin'ny sahanany. <sup>25</sup> Fa raha natory iny ny olona, dia tonga ny fahavalony ary namafy voan-tsimparifary ihany koa tao amin'ireo vary ary nandeha. <sup>26</sup> Rehefa nitsiry ireo vary ary avy eo namokatra ireo voany, dia nipoitra ihany koa ireo voan-tsimparifary. <sup>27</sup> Tonga ireo mpanompon'ny tompon-tany ary niteny taminy hoe: 'Tompoko, tsy namafy voa tsara tao amin'ny sahanao va ianao? Nahoana izy ankehitriny no misy voan-tsimparifary?' <sup>28</sup> Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Nisy fahavalo nanao izany.' Hoy ireo mpanompo taminy hoe: 'Koa tianao va ny handehananay manongotra azy ireo?' <sup>29</sup> Ilay tompon-tany niteny hoe: 'Tsia. Satria raha manongotra ireo tsimparifary ianareo, dia mety hanongotra ny fakan'ireo vary miaraka amin'ireo koa. <sup>30</sup> Avelao hiara-haniry izy roa hatramin'ny fijinjana. Amin'ny fotoam-pijinjana dia hiteny amin'ny mpijinja aho hoe: "Esory aloha ireo ahi-dratsy ary fehezo ho fatorana maromaro mba handorana azy ireo, fa angony ao amin'ny fitoeram-bokatro kosa ireo vary." <sup>31</sup> Avy eo Jesosy naneho fanoharana iray hafa tamin'izy ireo. Hoy Izy hoe: "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny voatsinampy izay nalain'ny lehilahy iray ary nafafiny teo amin'ny sahanany. <sup>32</sup> Io voa io tokoa no voa kely indrindra amin'ny voa hafa rehetra. Fa rehefa naniry izany, dia lehibe noho ireo zava-maniry ao amin'ny saha. Lasa hazo izany, mba hiavian'ireo voron'ny habakabaka ary hanao ny tranon'izy ireo eo amin'ireo rantsany." <sup>33</sup> Avy eo Jesosy nilaza fanoharana iray hafa. "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lalivay izay nalain'ny vehivavy iray ary nafangarony tamina lafarinina intelo famarana mandra-piakatry ny foto-koba manontolo." <sup>34</sup> Fanoharana no nanambaran'i Jesosy ireo zava-drehetra ireo tamin'ny vahoaka; ary tsy nilaza na inona na inona tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy. <sup>35</sup> Izany dia mba hahatanteraka izay nolazaina tamin'ny alalan'ny mpaminany, rehefa niteny Izy hoe: "Izaho hiloa-bava amin'ny alalan'ny fanoharana. Hilaza zavatra izay nafenina hatrizay nanorenana izao tontolo izao Aho." <sup>36</sup> Avy eo Jesosy nandao ireo vahoaka ary nankao an-trano. Nankeo

amin'ny ireo mpianany ary niteny hoe: "Azavao aminay ny fanoharana momba ilay tsimparifarin'ny saha." <sup>37</sup> Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Ilay mamafy voa tsara dia ny Zanak'Olona. <sup>38</sup> Ny saha dia izao tontolo izao; ary ny voa tsara, ireo no zanaky ny fanjakana. Ny tsimparifary dia ireo zanak'ilay ratsy, <sup>39</sup> ary ny fahavalo izay namafy azy ireo dia ny devoly. Ny fijinjana dia ny fiakaran'izao tontolo izao, ary ny mpijinja dia ireo anjely. <sup>40</sup> Noho izany, tahaka ny anangonana sy andorana ireo tsimparifary amin'ny afo, no atao koa amin'ny fiakaran'izao tontolo izao. <sup>41</sup> Haniraka ireo anjeliny ny Zanak'Olona, ary ho angonin'izy ireo hiala amin'ny fanjakany ireo zavatra rehetra izay mahatonga fahotana, sy ireo izay manao ratsy. <sup>42</sup> Ho atsipin'izy ireo ao amin'ny lafaoro lehibe mirehitra afo izy ireo, izay hisy ny fitomaniana sy ny fikitrohanify. <sup>43</sup> Avy eo hamiratra toy ny masoandro ao amin'ny fanjakan'ny Rain'izy ireo ny olo-marina. Izay manan-tsolina, aoka izy hihaino. <sup>44</sup> Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny harena izay miafina ao amin'ny saha iray. Nisy lehilahy nahita izany ary nafeniny. Nandeha tamin'ny hafaliany izy, nivarotra izay rehetra nananany, ary nividy io saha io. <sup>45</sup> Ary koa, ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lehilahy izay mpivarotra mitady voahangy lafo vidy. <sup>46</sup> Rehefa nahita voahangy iray izay tena lafo vidy izy, dia nandeha ka nivarotra izay rehetra nananany ka nividy izany. <sup>47</sup> Ary koa, ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny harato izay natsipy tany an-dranomasina, ary nanangona ireo karazan-java-manan'aina rehetra. <sup>48</sup> Rehefa feno izany, dia nosintonin'ireo mpanarato ho eo amoron-dranomasina. Avy eo izy ireo nipetraka ka nanangona ireo zavatra tsara ho ao amin'ny fitoerany, fa ireo zavatra tsy ilaina kosa narian'izy ireo. <sup>49</sup> Ho toy izany amin'ny fiakaran'izao tontolo izao. Ho avy ireo anjely ary hanasaraka ireo ratsy fanahy amin'ireo marina. <sup>50</sup> Ho atsipin'izy ireo ao amin'ny fandroana lehibe mirehitra afo izy ireo, izay hisy ny fitomaniana sy fikitroha-nify. <sup>51</sup> Azonareo ve izany zavatra rehetra izany?" Hoy ireo mpianany taminy hoe: "Eny." <sup>52</sup> Avy eo Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Noho izany ny mpanora-dalana rehetra izay lasa mpianatra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy tompon-trano iray, izay mamoka ireo zavatra tranainy sy ireo zavatra vaovao avy ao amin'ny haren'ny." <sup>53</sup> Avy eo rehefa nahavita ireo fanoharana ireo Jesosy, dia niala tamin'izany toerana izany Izy. <sup>54</sup> Avy eo Jesosy niditra tao amin'ny taniny manokana ary nampianatra ireo vahoaka tao amin'ny synagoga'izy ireo. Vokat'izany dia talanjona izy ireo ary niteny hoe: "Avy aiza no ahazoan'ity lehilahy ity ny fahendreny sy ireo fahagagana ireo?" <sup>55</sup> Tsy io lehilahy io va no zanak'ilay mpandrafitra? Tsy Maria va no hiantsoana ny reniny? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy va no rahalahiny? <sup>56</sup> Tsy miaraka amintsika va ireo anabaviny rehetra? Avy aiza no nahazoany ireo zavatra rehetra ireo?" <sup>57</sup> Tohina nohon'ny aminy izy ireo. Fa hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpaminany tsy misy hajany raha tsy ao amin'ny fireneny sy ao amin'ny fianakaviany ihany." <sup>58</sup> Tsy dia nanao fahagagana be tao Izy nohon'ny tsy finoan'izy ireo.

## Matthew 13:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay anombohan'i Jesosy mampianatra ireo vahoaka, amin'ny fampiasana fanoharana momba ny fanjakan'ny lanitra.

### Tamin'izany andro izany

Niseho tamin'ny andro nisehoan'ireo tranga tao amin'ny toka aloha ihany ireto.

### nipetraka teo amoron'ny ranomasina

Ny hevitra ambadik'izany dia nipetraka mba hampianatra ny olona Izy.

### nivoaka ny trano

Tsy voalaza hoe tranon'iza no nijanonan'i Jesosy.

### ka dia niditra tao an-tsambokely Izy

Ny hevitra ambadik'izany dia niditra tao anaty sambokely i Jesosy mba ho moramora kokoa ny mapianatra ireo olona.

### an-tsambokely

Mety ho sambo tsy misarona, vita amin'ny hazo misy lay fitondra manjono io.

## Matthew 13:3

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamaritra ny Fanjakan'ny lanitra amin'ny alalan'ny filazana fanoharana momba ny olona iray izay mamafy voa i Jesosy.

### tamin'izy ireo

"tamin'ireo vahoaka"

### Indro

"Jereo" na "Henoy." Misintona ny saina ny amin'izay ho lazaina manaraka io teny io. DH: "Tandremo tsara ny zavatra izay ho lazaiko aminareo"

### nisy mpamboly iray nandeha nivoaka hamafy voa

"nisy mpamboly iray nandeha nivoaka hamafy voa teny an-tsaha"

### Raha izy namafy iny

"Raha namafy ieo voa iny ilay mpamboly"



**teny amoron-dalana**

Maneho "lalana" eo akaikin'ilay saha io. Tokony ho mafy be ny tany teo noho ireo olona manitsakitsaka izany.

**nandrapaka ireo**

"nihinana ireo voa rehetra"

**tany be vato**

Io dia tany feno vato izay manify kely ny nofon-tany eo ambony.

**Avy hatrany dia naniry ireo**

"Nitimoka haingana ireo voa ary naniry"

**maina ireo**

Azo atao hoe DH: "nandoro ireo voa ny masoandro, ary lasa nahamamy loatra ireo"

**dia nalazo**

Azo adika hoe DH: "Lasa maina ary maty ilay voa"

**Matthew 13:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny filazany ny fanoharana momba ny olona iray izay mamafy voa i Jesosy.

**Nilatsaka teo amin'ny tsilo**

"Nilatsaka teny amin'ny izay nanirian'ny tsilo"

**nangenja azy ireo**

"nangeja ireo tsimoka vaovao." Ampisao ny teny ilazana ny fanakanan'ny hazo sasany ny hazo iray mba hitombo tsara.

**namoa voany**

"namokatra" na "namoa voa mihoatra" na "nanome voany"

**Zato ... enim-polo ... telo-polo**

"100 ... 60 ... 30"

**Izay manan-tsofina**

Fomba hanondroana ireo ehetra izay mihaino io. DH: "Izay rehetra mihaino Ahy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:13.

**aoka izy hihaino**

Eto ny "hihaino" dia midika hoe mitandrina. DH: "mitandrina izay zavatra lazaiko." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:13.

**Matthew 13:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Manazava amin'ireo mpianany hoe nahoana no mampianatra amin'ny alalan'ny fanoharana i Jesosy.

**azy ireo**

Eto ny "azy ireo" dia manondro ireo mpianatra.

**Ianareo no nomena tombony hahafantatra ireo zava-miafin'ny fanjakan'ny lanitra, fa ho azy ireo dia tsy nomena izany**

Azo adika hoe DH: "Nomen'Andriamanitra tombony hahalala ny misiterin'ny fanjakan'ny lanitra ianareo, saingy tsy nomen'Andriamanitra ireo olona ireo izany" na "Nataon'Andriamanitra afaka ny hahalala ny misiterin'ny fanjakan'ny lanitra ianareo, saingy tsy nataony afaka hanao izany ireo olona ireo"

**Ianareo**

Manondro ireo mpianatra io.

**zava-miafin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "ireo tsiambaratelo momba ny Andriamanintsika any an-danitra sy ny fanapahany"

**na iza na iza manana**

"Na iza na iza manana fahalalana" na "na iza na iza mandray izay ampianariko"

**ho be kokoa aza no homena**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra hanome azy fahalalana bebe kokoa"

**na iza na iza kosa tsy manana**

"na iza na iza tsy manana fahalalana" na "na iza na iza tsy mandray izay ampianariko"

**na izay hananany aza ho esorina aminy**

Azo atao hoe DH: "Halain'Andriamanitra aminy na izay hananany aza"

**Matthew 13:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy manazava amin'ireo mpianany i Jesosy hoe nahoana no mampianatra amin'ny alalan'ny fanoharana Izy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 14, milaza ny tenin'Isaia mpaminany i Jesosy mba hampisehoana fa ny tsy fahazoan'ireo olona ny fampianaran'i Jesosy dia fahatanterahan'ny faminiana.

**Na dia mijery aza izy ireo, dia tsy mahita; ary na dia mihaino aza izy ireo, dia tsy mandre, na mahazo**

Mampiasa fitovitoviana i Jesosy mba hilazana sy hanindriana amin'ireo mpianatra fa tsy manaiky ny hahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra ireo vahoaka.

**Na dia mijery aza izy ireo, dia tsy mahita**

Ny hoe "mahita" eto dia midika hoe mahazo. Azo atao mazava kokoa hoe inona no ho hitan'ireo olona. DH: "na dia mahita ireo zavatra ataoko aza izy ireo, dia tsy azon'izy ireo izany"

**na dia mihaino aza izy ireo, dia tsy mandre, na mahazo**  
Azo atao mazava kokoa hoe inona no ho ren'ireo olona. DH: "na dia mandre izay lazaiko aza izy ireo, dia tsy hahazo izay tena tiako ambara"

**Amin'izy ireo ny faminanian'Isaia no tanteraka, izay milaza hoe**  
Azo atao hoe DH: "Izy ireo no manatanteraka izay nolazain'Andriamanitra hatry ny ela tamin'ny alalan'Isaia mpaminany"

**Rehefa mihaino dia handre ianareo, saingy tsy hahazo mihitsy; rehefa mijery dia hahita ianareo, saingy tsy hahatakatra**  
Fanombohan'ny tenin'Isaia mpaminany momba ireo olona tsy mino tamin'ny andron'Isaia io. Mampiasa io tenin'Isaia io i Jesosy mba hamaritana ireo vahoaka izay nihaino Azy teo. Mbola manindry ihany ireo teny ireo fa tsy manaiky ny hahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra ireo olona.

**Rehefa mihaino dia handre ianareo, saingy tsy hahazo mihitsy**  
"handre zavatra ianareo, fa tsy ho azonareo izany." Azonao atao mazava hoe inona no ho ren'ireo olona. DH: "Handre izay lazain'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpaminany ianareo, fa tsy ho azonareo ny tena hevitr'izany"

**rehefa mijery dia hahita ianareo, saingy tsy hahatakatra**  
Azonao atao mazava kokoa hoe inona no ho hitan'ireo olona. DH: "hahita izay ataon'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpaminany ianareo, fa tsy hahatakatra izany"

### Matthew 13:15

**Famoifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mamarana ny fanambarana ny tenin'Isaia mpaminany i Jesosy.

**ny fon'ity vahoaka ity ... hanasitrana azy ireo Aho**  
Ao amin'ny 13:15 Andriamanitra dia mamaritra ireo vahoakan'Israely toy hoe manana aretina arabatana izay mahatonga azy ireo ho tsy afa-mianatra. Io dia sarin-teny mamaritra ny toe-panahin'ny olona. Midika izany fa mafy loha sady tsy manaiky ny hahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra ny olona. Raha tsy izany, dia hibe-baka izy ireo ary Andriamanitra hamela azy ireo ary handray azy ireo ho vahoakany indray. Raha mazava tsara ny heviny, dia tazony ao amin'ny fandikan-teninao io sari-teny io.

**lasa donto ny fon'ity vahoaka ity**  
Eto ny "fo" dia ilazana ny saina. DH: "malai-mandray ny sain'ireo olona ireo" na "tsy afaka mianatra intsony ireo olona ireo"

**mafy sofina izy ireo**  
Tsy hoe marenina izy ireo. Eto ny hoe "mafy sofina" dia midika fa tsy manaiky ny hihaino sy hianatra ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireo. DH: "tsy

manaiky ny hampiasa ny sofin'izy ireo mba hihainoana izy ireo"

**nakipin'izy ireo ny masony**  
Tsy hoe nanakipy ny mason'izy ireo ara-bakiteny izy ireo. Ny dikan'io dia tsy manaiky ny hahatakatra izy ireo. DH: "tsy manaiky ny hampiasa ny mason'izy ireo mba hahitana izy ireo"

**mba tsy hahita amin'ny mason'izy ireo, na handre amin'ny sofin'izy ireo, na hahazo amin'ny fon'izy ireo, ka hibe-baka indray izy ireo**  
"mba tsy ho afaka ny hahita amin'ny maso, handre amin'ny sofina, ka hiverina indray izy ireo."

**hibebaka indray**  
"hiverina amiko" na "hiverina indray"

**hanasitrana azy ireo Aho**  
"manana Ahy mba hanasitrana azy ireo." Ny dikan'io dia hanasitrana azy ireo ara-panahy amin'ny alalan'ny famelana ny helok'izy ireo sy fandraisana azy ireo ho vahoakany indray Andriamanitra. DH: "manana Ahy mba handray azy ireo indray"

### Matthew 13:16

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mamarana ny fanazavany ny antony hampianarany amin'ny alalan'ny fanoharana amin'ireo mpianany i Jesosy.

**Fa sambatra ny masonareo, satria mahita; ary ny sofinareo, satria mandre**  
Samy mitovy hevitra ihany ireo fanambarana anankiroa ireo. Tsindrian'i Jesosy fa nankasitranan'Andriamanitra izy ireo satria nino izy nolazainy sy nataon'i Jesosy.

**Fa sambatra ny masonareo, satria mahita**  
Eto ny "maso" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "Sambatra ianareo satria afaka mahita ny masonareo"

**masonareo ... hitanareo**  
Manondro ireo mpianatra ireo.

**ary ny sofinareo, satria mandre**  
Eto ny "sofina" dia ilazana ilay olona manontolo. Afaka ataonao mazava tsara io. DH: "ary sambatra ianareo satria afaka mandre ny sofinareo"

**Lazaiko marina aminareo**  
"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ireo zavatra izay hitanareo**  
Azonao azavaina ny zavatra hitan'izy ireo. DH: "ireo zavatra hitanareo nataoko"

**ireo zavatra izay renareo**  
Azonao azavaina ny zavatra ren'izy ireo. DH: "ireo zavatra renareo nolazaiko"

**Matthew 13:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto dia manomboka manazava amin'ireo mpianany ny fanoharana momba ilay olona namafy voa, izay niantomboka tao amin'ny 13:3 i Jesosy.

**ny tenin'ny fanjakana**

Eto ny "teny" dia ilazana hafatra iray. Ary ny "fanjakana" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra amin'ny maha-mpanjaka Azy. DH: "ny hafatra momba ny fanapahan'Andriamanitra amin'ny maha-mpanjaka Azy"

**tonga ilay ratsy ary manongotra izay nafafy tao am-pony**  
Miresaka momba an'i Satana izay mahatonga ny olona iray hanadino izy norenesiny toy ny vorona mandrapaka ny voa avy eo amin'ny tany i Jesosy. DH: "Mahatonga azy hanadino ny hafatra izay reny toy ny vorona izay mandrapaka ny voa avy eo amin'ny tany ilay ratsy"

**ilay ratsy**

Maneho an'i Satana io.

**manongotra**

Miezaha mampiasa teny izay mahalaza ny hoe mandroba zavatra amin'ny olona izay tena tompony.

**izay nafafy tao am-pony**

Azo adika hoe DH: "ilay hafatra izay nafafin'Andriamanitra tao am-pony" na "ilay hafatra izay reny"

**tao am-pony**

Eto ny "fo" dia ilazana ny sain'ilay mpihaino.

**ilay voa nafafy teny amoron-dalana**

"Izany no dikan'ilay voa izay voafafy teny amoron-dalana" na "Ny lalana izay namafazana ireo voa dia maneho izany olona izany"

**amoron-dalana**

Adikao araka ny nandikanao azy tao amin'ny 13:3 io.

**Matthew 13:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy manazava amin'ireo mpianany ny fanoharana momba ilay olona namafy voa i Jesosy.

**Ilay nafafy teny amin'ny tany be vato**

Ny fehezanteny hoe "ilay nafafy" dia manondro ireo voa izay nilatsaka. DH: "Ireo voa izay nilatsaka teny amin'ny tany be vato"

**Ilay nafafy teny amin'ny tany be vato dia**

"Ilay tany be vato izay namafazana ireo voa dia maneho" na "Ilay tany be vato izay nilatsahan'ireo voa dia maneho"

**olona izay mandre ny teny**

Ao amin'ilay fanoharana, ny voa dia maneho ny teny.

**ny teny**

Maneho ny hafatr'Andriamanitra io. DH: "ny hafatra" na "ny fampianaran'Andriamanitra"

**mandray azy am-pifaliana**

Ny mino ny teny eto dia atao toy ny hoe mandray izany.

**saingy tsy mbola miorim-paka ao anatiny izy ary dia maharitra vetivety ihany**

"Saingy tsy lalim-paka izy ary maharitra vetivety ihany." Ny faka no maneho izay ahatonga ny olona hanohy hino ny hafatr'Andriamanitra. DH: "Fa toy ny voa izay tsy lalim-paka, dia maharitra vetivety ihany izy"

**malaky tafintohina izy**

Eto ny "tafintohina" dia midika hoe tsy mino intsony. DH: "avy hatrany dia lavo izy" na "vetivety dia tsy mino ilay hafatra intsony izy"

**Matthew 13:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy manazava amin'ireo mpianany ny fanoharana momba ilay olona namafy voa i Jesosy.

**Ilay nafafy**

Manondro ilay voa izay voa nafafy na nilatsaka io. DH: "Ilay voa izay voafafy" na "Ilay voa izay nilatsaka"

**Ilay nafafy teny amin'ny tsilo**

"ny tany nisy tsilo izay namafazana ilay voa"

**io dia ny olona**

"io dia maneho ny olona"

**ny teny**

Eto ny "teny" dia ilazana ny hafatr'Andriamanitra. DH: "ny hafatra" na "ny fampianaran'Andriamanitra"

**ny fiahiahian'izao tontolo izao sy ny fitaky ny harena no mangeja ny teny**

Jesosy dia milaza ny amin'ny ahiahin'izao tontolo izao sy ny famitahan'ny harena izay misarika olona iray mba tsy hankatoa ny tenin'Andriamanitra, toy ny tsilo izay afaka mangeja ny voa ary manakana azy tsy hitombo. DH: "toy ny tsilo izay manakana ny voa tsy hitombo, ny ahiahin'izao tontolo izao sy ny famitahan'ny harena dia manakana io olona io tsy haino ny tenin'Andriamanitra"

**ny fiahiahian'izao tontolo izao**

"ireo zavatra eto amin'izao tontolo izao izay ahiahian'ny olona"

**ny fitaky ny harena**

Faritan'i Jesosy tahaka ny olona izay afaka mamitaka olona iray hafa ny "harena." Ny dikan'izany dia hoe mihevitra ny olona fa ny fananana vola bebe kokoa no hahasambatra azy ireo, saingy tsy izany. DH: "ny fitiavam-bola"

**lasa tsy mamoa izy**

Resahana toy ny hoe hazo ilay olona eto. DH: "Lasa tsy mamokatra izy" na "tsy manao izay tian'Andriamanitra izy."

**Ilay nafafy teo amin'ny tany tsara**

"Ny tany tsara izay namafazana voa"

**Mamoa voankazo izy ary mahatonga ny voa iray**

Resahana toy ny hoe hazo ilay olona eto. DH: "Toy ny hazo mamokatra izy"

**Matthew 13:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto i Jesosy dia mamaritra ny fanjakan'ny lanitra amin'ny filzana fanoharana momba ny saha iray izay sady nisy vary no nisy tsimparifary naniry teo.

**Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lehilahy iray**

Tsy tokony hampitovy ny ny fanjakan'ny lanitra amina lehilahy anankiray ny fandikan-teny, fa ny fanjakan'ny lanitra dia mitovy amin'ny toe-javtra izay haseho eto amin'ity fanoharana ity.

**Ny fanjakan'ny lanitra dia toy**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Rehefa miseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika, dia ho toy"

**voa tsara**

Mety nihevitra ireo mpiaino fa vary no lazain'i Jesosy eto.

**tonga ny fahavalony**

"tonga teny an-tsaha ny fahavalony"

**voan-tsimparifary**

Mitovy amin'ny voa azo hanina ny tsimparifary rehefa mbola tanora, saingy poizina ny voany. DH: "voa ratsy"

**namokatra ireo voany**

"namoa vary"

**nipoitra ihany koa ireo voan-tsimparifary**

"dia hitan'ny olona fa nisy tsimparifary koa teo an-tsaha"

**Matthew 13:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy, momba ny saha iray izay sady nisy vary no nisy tsimparifary naniry teo amin'izany.

**tompon-tany**

Io ihany ilay olona namafy voa tsara tao an-tsahany.

**tsy namafy voa tsara tao amin'ny sahanao va ianao?**

Nampiasa fanontaniana ireo mpanompo mba hampisongadinana ny fahatairan'izy ireo. DH: "namafy voa tsara teo amin'ny sahanao ianao!"

**tsy namafy voa tsara**

Mety ho nampambolen'ny tompon-tany ireo mpanompo ireo voa. DH: "namafy ... izahay"

**Hoy izy tamin'izy ireo**

"Hoy ilay tompon-tany tamin'izy ireo"

**Koa tianao va ny handehananay**

Ny mpisolotena tampisaka "-nay" dia manondro ireo mpanompo.

**Matthew 13:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ilay fanoharana momba ny saha iray izay sady nisy vary no nisy tsimparifary naniry teo amin'izany i Jesosy.

**Ilay tompon-tany niteny hoe**

"Hoy ilay tompon-tany tamin'ireo mpanompony"

**hiteny amin'ny mpijinja aho hoe: "Esory aloha ireo ahi-dratsy ary fehezo ho fatorana maromaro mba handorana azy ireo, fa angony ao amin'ny fitoeram-bokatro kosa ireo vary."**

Azonao adika amin'ny teny tsy mivantana io, DH: "Hiteny amin'ireo mpijinja aho mba hanangona ireo tsimparifary aloha ary hamatotra azy ireo ho fehezana maromaro mba handorana azy ireo, ary avy eo hanangona ireo vary ho ao amin'ny fitoeram-bokatro"

**fitoeram-bokatro**

Trano azo ampiasaina mba hitehirizana vokatra.

**Matthew 13:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Faritan'i Jesosy amin'ny filazana fanoharana momba ny voa kely dia kely izay mitombo ho lasa hazo ngeza be ny fanjakan'ny lanitra.

**Ny fanjakan'ny lanitra dia toy**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny

hoe "lanitra." DH: "Rehefa miseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika, dia ho toy"

#### **voatsinampy**

Voa kely dia kely izay mitombo ho lasa hazo lehibe.

#### **Io voa io tokoa no voa kely indrindra amin'ny voa hafa rehetra**

Ny voatsinampy no voa kely indrindra fantatr'ireo mpihaino tamin'izany.

#### **Fa rehefa naniry izany**

"fa rehefa maniry ilay voa"

#### **Lasa hazo izany**

Eo ho eo amin'ny 2 ka hatramin'ny 4 metatra efo ny fitomboan'ny voatsinampy.

#### **voron'ny habakabaka**

"vorona"

### **Matthew 13:33**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaritra ny fanjakan'ny lanitra amin'ny filazana fanoharana momba ny vokatra ny lalivay eo amin'ny lafarinina i Jesosy.

#### **Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lalivay**

Tsy ny lalivay no toy ny fanjakana, fa ny fiparitahan'ny fanjakana no tahaka ny fiparitahan'ny lalivay.

#### **Ny fanjakan'ny lanitra dia toy**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Rehefa miseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika, dia ho toy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:24.

#### **lafarinina intelo famarana**

Ataovy hoe "lafarinina be dia be" na mampiasa teny izay ampisaina mahalaza ny famarana lafarinina be dia be ao amin'ny faritrao.

#### **andra-piakatra ny foto-koba manontolo**

Ny hevitra tiana ampitaina dia hoe nafangaro ho foto-koba iray ny lalivay sy ny lafarinina intelo famarana mba hatao mofo.

### **Matthew 13:34**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny mpanoratra dia milaza teny avy ao amin'ny Salamo mba hampisehoana fa ny fampianaran'i Jesosy dia nanatanteraka ny faminaniana.

**Fanoharana no nanambaran'i Jesosy ireo zava-drehetra ireo tamin'ny vahoaka; ary tsy nilaza na inona na inona tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy**  
Samy mitovy hevitra ireo fehezanteny roa ireo. Nampiarahana ireo mba hanindriana fa tamin'ny fanoharana ihany no nampianaran'i Jesosy ireo olona.

#### **reo zava-drehetra ireo**

Maneho izay nampianarin'i Jesosy nanomboka tao amin'ny 13:1io.

#### **tsy nilaza na inona na inona tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy**

Azo ataonao hoe DH: "ny zavatra rehetra nampianariny azy ireo dia nataony tamin'ny fanoharana"

#### **mba hahatanteraka izay nolazaina tamin'ny alalan'ny mpaminany, rehefa niteny Izy hoe**

Azo atao hoe DH: "tanterany izay nasain'Andriamanitra nosoratan'ny iray tamin'ireo mpaminany hatry ny ela"

#### **rehefa niteny Izy hoe**

"raha niteny ilay mpaminany hoe"

#### **Izaho hila-bava**

Fomba fiteny izay midika hoe miteny io. DH: "Izaho hiteny"

#### **izay nafenina**

Azo atao hoe DH: "zavatra izay navelan'Andriamanitra hiafina"

#### **hatrizay nanorenana izao tontolo izao**

"Hatramin'ny fiandohan'izao tontolo izao" na "hatramin'ny namoronan'Andriamanitra izao tontolo izao"

### **Matthew 13:36**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto ny tantara dia miova mankany amin'ny trano izay nitoeran'i Jesosy sy ireo mpianatra. Manomboka manazava amin'izy ireo ilay fanoharana momba ny saha izay nisy vary sy tsimparifary i Jesosy, izay nolazainy nanomboka tao amin'ny 13:24.

#### **nankao an-trano**

"niditra tany anatin'ny" na "niditra tao amin'ny trano izay nitoerany"

#### **Ilay mamafy**

"Ilay mpamafy"

#### **Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**ireo zanaky ny fanjakana**

Eto ny "zanaka" dia midika hoe manana toetoetra manahaka olona iray na zavatra iray. DH: "ireo olon'ny fanjakana"

**ny fanjakana**

Eto ny "fanjakana" dia maneho an'Andriamanitra Mpanjaka. DH: "an'Andriamanitra"

**zanak'ilay ratsy**

Eto ny "zanaka" dia midika hoe manana toetoetra manahaka olona iray na zavatra iray. DH: "ireo izay an'ilay ratsy"

**ny fahavalo izay namafy azy ireo**

"ny fahavalo izay namafy ireo voa-tsimparifary"

**fiafaran'izao tontolo izao**

"fara-andro"

**Matthew 13:40****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny fanazavany amin'ireo mpianany ny fanoharana momba ilay saha nisy vary sy tsimparifary i Jesosy.

**Noho izany, tahaka ny anangonana sy andorana ireo tsimparifary amin'ny afo**

Azo adika hoe DH: "Noho izany, tahaka ny fanagonan'ny olona ny tsimparifary sy handorany azy ireo any amin'ny afo"

**fiafaran'izao tontolo izao**

"fara-andro"

**Haniraka ireo anjeliny ny Zanak'Olona**

Eto dia milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. DH: "Izaho, ilay Zanak'Olona, dia haniraka ireo anjeliko"

**ireo izay manao ratsy**

"ireo izay tsy manara-dalàna" na "ireo olon-dratsy"

**lafaoro lehibe mirehitra afo**

Io dia sarin-teny ilazana ny afon'ny helo. Raha tsy misy mahafantatra ny hoe "lafaoro", dia azo ampiasaina ny hoe "fatana."

**hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify**

Maneho alahelo sy fahoriana lehibe izany. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 8:11.

**hamiratra toy ny masoandro**

Raha saro-takarina io fampitahana io amin'ny fiteninao, dia afaka ampiasainao ny hoe: "aoka ho mora tazana toy ny masoandro."

**Rain'izy ireo**

Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**Izay manan-tsofina**

Io dia fomba hanondroana izay rehetra mihaino. DH: "Ny olon-drehetra izay mihaino Ahy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:13.

**aoka izy hihaino**

Eto ny "mihaino" dia midika hoe mitandrina. DH: "hitandrina tsara izay lazaiko." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:13.

**Matthew 13:44****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaritra ny fanjakan'ny lanitra amin'ny alalan'ny filazana fanoharana momba ny olona izay nivarotra ireo fananany mba hividiana zavatra manandanja be i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ireo fanoharana roa ireo, dia mampiasa fampitahana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany hoe toy ny ahoana ny fanjakan'ny lanitra.

**Ny fanjakan'ny lanitra dia toy**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Rehefa miseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika, dia ho toy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:24.

**toy ny harena izay miafina ao amin'ny saha iray**

Azo atao hoe DH: "harena izay nisy nanafina tao amina saha iray"

**harena**

zavatra tena sarobidy sy lafo-vidy na zavatra nagonina

**Nandeha tamin'ny hafaliany izy, nivarotra izay rehetra nananany, ary nividy io saha io**

Ny hevitra tian'izany ambara dia novidian'ilay olona izany saha izany mba hahazoany ilay harena miafina.

**toy ny lehiahy izay mpivarotra mitady vatosoa lafo vidy**

Ny hevitra ambadik'izany dia nitady voahangy lafo vidy izay afaka ho vidiany izy.

**mpivarotra**

mpivarotra ambongadiny izay mandray ny entam-barotra avy amin'ny toerana lavitra.

**voahangy lafo vidy**

Ny "voahangy" dia vato kely malama, mafy, mampiratra, fotsy na mazava loko izay miforona ao anaty akorandriaka any anaty ranomasina ary lafo tahaka ny vato sarobidy na hanamboarana firavaka lafo vidy. DH: "voahangy tsara tarehy"

**Matthew 13:47****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaritra ny fanjakan'ny lanitra amin'ny alalan'ny filazana fanoharana momba ny mpanarato izay nampiasa harato lehibe hahazoana trondro i Jesosy.

**ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny harato**

Tsy hoe toy ny harato ny fanjakan'ny lanitra, fa ny fanjakana dia misintona izay karazan'olona rehetra toy ny harato izay mahazo ny karazan-trondro rehetra.

**ny fanjakan'ny lanitra dia toy**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Rehefa miseho tahaka ny mpanjaka ny Andriamanintsika, dia ho toy." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:24.

**toy ny harato izay natsipy tany an-dranomasina**

Azo atao hoe DH: "toy ny harato izay natsipin'ny mpanarato maromaro tany an-dranomasina"

**nanangona ireo karazan-java-manan'aina rehetra**

"nahazo ireo karazan-trondro rehetra"

**ireo zavatra tsara**

"ireo izay tsara"

**ireo zavatra tsy ilaina**

"ireo trondro ratsy" na "ireo trondro tsy azo hanina"

**narian'izy ireo**

"tsy notazonin'izy ireo"

**Matthew 13:49****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava ny fanoharana momba ireo mpanarato izay nampiasa harato lehibe hangalana trondro i Jesosy.

**fiafaran'izao tontolo izao**

"fara-andro"

**Ho avy**

"ho tonga avy any an-danitra"

**ireo ratsy fanahy amin'ireo marina**

Ireo mpamari-toetra ireo dia azo adika hoe DH: "ireo olona ratsy fanahy amin'ireo olona marina"

**Ho atsipin'izy ireo**

"Ho hatsipin'ireo anjely ireo ratsy fanahy"

**lafaoro lehibe mirehitra afo**

Io dia sarin-teny ilazana ny afon'ny helo. Raha tsy misy mahafantatra ny hoe "lafaoro", dia azo

ampiasaina ny hoe "fatana." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:40.

**hisy ny fitomaniana sy fikitroha-nify**

Maneho alahelo sy fahoriana lehibe io. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 8:11.

**Matthew 13:51****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaritra ny fanjakan'ny lanitra amin'ny alalan'ny filazana fanoharana iray momba ny olona iray izay mitantana tokantrano i Jesosy. Ity no fiafaran'ny fizaran-tantara izay hampianaran'i Jesosy ireo vahoaka momba ny fanjakan'ny lanitra amin'ny alalan'ny fampiasana fanoharana.

**Azonareo ve izany zavatra rehetra izany?" Hoy ireo mpianany taminy hoe: "Eny."**

Raha ilaina, dia azo atao tsy mivantana ireo teny anakiroa ireo. DH: "Nanontany azy ireo i Jesosy raha azon'izy ireo izany rehetra izany, ary nilaza izy ireo fa azon'izy ireo.

**lasa mpianatra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Nianatra ny marina momba ny Andriamanintsika any an-danitra, izay mpanjaka" na "nanolotra ny tenany ho an'ny fitsipik'Andriamanitra"

**dia tahaka ny lehilahy tompon-trano iray, izay mamoka ireo zavatra tranainy sy ireo zavatra vaovao avy ao amin'ny harenany**

Milaza fanoharana hafa i Jesosy. Mampitaha ireo mpanora-dalàna, izay mahalala tsara ny soratra masina izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany, ary nanaiky ireo fampianaran'i Jesosy ihany koa, amina tompon-trano iray izay sady mapiasa ny harenany taloha sy vaovao.

**harenany**

Ny harena eto dia zavatra lafo vidy sy sarobidy tokoa na zavatra nanganina. Eto dia mety manondro ny toerana hitoeran'ilay harena io, "trano fitehirizana."

**Avy eo rehefa**

Mamadika ilay tantaran'ny fampianaran'i Jesosy mankany amin'izay nitranga manaraka io. DH: "Taorian'izany"

**Matthew 13:54****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay mitohy hatrany amin'ny 17:26, izay hitantaran'ny mpanoratra ny amin'ny fanoharana tsy mitsahatra ny asa fanompoan'i Jesosy sy ny fampianarana

momba ny fanjakan'ny lanitra. Eto, dia mandà an'i Jesosy ireo olona avy ao amin'ny tanàna niaviany.

**taniny manokana**

"tanàna niaviany." Io dia maneho ny tanàn'i Nazareta izay nahalehibe an'i Jesosy.

**synagogan'izy ireo**

Ny mpisolotena "izy ireo" dia manondro ireo olona avy ao amin'ilay faritra.

**talanjona izy ireo**

"gaga izy ireo"

**Avy aiza no ahazoan'ity lehilahy ity ny fahendreny sy ireo fahagagana ireo?**

"Ahoana no ahafahan'ny olon-tsotra ohatran'io ho hendry sy hanao fahagagana lehibe tahaka izao?"

**Tsy io lehilahy io va no zanak'ilay mpandrafitra? Tsy Maria va no hiantsoana ny reniny? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy va no rahalahiny? 56**Tsy miaraka amintsika va ireo anabaviny rehetra? Avy aiza no nahazoany ireo zavatra rehetra ireo?

Mampiasa ireo fanontaniana maromaro ireo ny vahoaka mba hanehoana ny fahatairan'izy ireo ny amin'ny fahafahan'ny olona tsotra avy ao amin'ny faritr'izy ireo manao ireo zavatra rehetra ireo. DH: "Zanaka mpandrafitra fotsiny i Jesosy. Fantantsika

ny reniny, Maria. Sy ireo rahalahiny Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy, ary ireo rahavaviny dia velona eto amintsika eto. Ny olona tsotra dia tsy tokony hahavita ireny zavatra ireny!"

**zanak'ilay mpandrafitra**

Ny mpandrafitra dia olona manamboatra zavatra avy amin'ny hazo na vato. Raha tsy misy mahafantatra ny hoe "mpandrafitra" dia azo ampiasaina ny hoe "mpanorina."

**Matthew 13:57**

**Tohina nohon'ny aminy izy ireo**

Azo atao hoe DH: "tohina tamin'i Jesosy ireo vahoaka avy ao amin'ny tanàna niaviany"

**sy misy mpaminany tsy misy hajany**

Azo atao hoe DH: "Mahazo haja na aiza na aiza ny mpaminany iray" na "Manome haja ny mpaminany ny olona na aiza na aiza"

**fireneny**

"ny faritrany manokana" na "ny tanàna niaviany"

**Tsy dia nanao fahagagana be tao Izy**

"Tsy dia nanao fahagagana maro tao amin'ny tanàna niaviany i Jesosy"



## Chapter 14

<sup>1</sup> Tamin'izany fotoana izany, Heroda mpanapaka nandre ny vaovao momba an'i Jesosy. <sup>2</sup> Hoy izy tamin'ireo mpanompony hoe: "I Jaona mpanao batisa izany; nitsangana tamin'ny maty izy. Noho izany dia miasa ao aminy ireo hery ireo." <sup>3</sup> Fa Heroda nisambotra an'i Jaona, namatotra azy, ary nandefa azy tany an-trano maizina noho i Herodiasy, vadin'i Filipo rahalahiny. <sup>4</sup> Fa hoy Jaona taminy hoe: "Tsy ara-dalana ho anao ny manana azy ho vadinao." <sup>5</sup> Naniry ny hamono azy Heroda, saingy natahotra ireo vahoaka izy, satria noraisin'izy ireo toy ny mpaminany izy. <sup>6</sup> Fa rehefa tonga ny fitsingerenan'ny andro nahaterahan'i Heroda, dia nandihy teo afovoan'ireo vahiny nasaina ny zanaka vavin'i Herodiasy ka nahafinaritra an'i Heroda. <sup>7</sup> Ho setrin'izany, dia nampanantena tamin'ny fianianana izy ny hanome izay hangatahiny na inona na inona. <sup>8</sup> Rehefa avy notoroan'ny reniny marika, dia hoy izy hoe: "Omeo ahy eto, ambonin'ny lovia, ny lohan'i Jaona mpanao Batisa." <sup>9</sup> Nalahelo mafy nohon'ny fangatahany ny mpanjaka, saingy nohon'ny voadiny sy noho ireo rehetra nisakafo niaraka taminy, dia nanome baiko izy fa tokony ho vita izany. <sup>10</sup> Naniraka ka nanapaka ny lohan'i Jaona tao an-tranomaizina izy. <sup>11</sup> Avy eo nentina tamin'ny lovia ny lohany ary nomena ilay zazavavy ary nentina teo amin'ny reniny izany. <sup>12</sup> Avy eo dia tonga ireo mpianany, naka ilay faty, ary nandevina izany. Taorian'izany, dia nandeha izy ireo ary nilaza tamin'i Jesosy. <sup>13</sup> Ary rehefa nandre izany Jesosy, dia niala avy teo tamina sambokely iray izy hankany amina toerana mitokana iray. Rehefa nandre izany ireo vahoaka, dia nanaraka Azy an-tongotra avy tany amin'ireo tanàn-dehibe. <sup>14</sup> Avy eo Jesosy nankeo anoloan'izy ireo ary nahita ireo vahoaka maro be. Nangoraka azy ireo Izy ary nanasitrana ny aretin'izy ireo. <sup>15</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia nankeo aminy ireo mpianatra ary niteny hoe: "Ity dia toerana foana, ary efa tapitra sahady ny andro. Alefao ireo vahoaka, mba hahafahan'izy ireo mandeha any amin'ireo tanàna ary hividy sakafo ho an'ny tenan'izy ireo." <sup>16</sup> Fa Jesosy niteny azy ireo hoe: "Tsy mila mandeha lavitra izy ireo. Omenareo zavatra hanina izy ireo." <sup>17</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Mofo dimy sy hazandrano roa ihany no hanananay eto." <sup>18</sup> Hoy Jesosy hoe: "Ento aty amiko izany." <sup>19</sup> Avy eo Jesosy nibaiko ireo vahoaka mba hipetraka eo amin'ny bozaka. Nalainy ireo mofo dimy sy hazandrano roa. Niandrandra tany an-danitra, dia nisaotra Izy ary nanapaka ireo mofo ka nomeny ireo mpianatra, ary ireo mpianatra nanome izany ho an'ireo vahoaka. <sup>20</sup> Nihinana avokoa izy rehetra ary voky. Avy eo dia nanganonin'izy ireo ny sisan'ireo poti-tsakafo ka nahafeno roambinifolo harona. <sup>21</sup> Teo amin'ny dimy arivo lahy teo ireo nihinana, ankoatra ireo zaza amam-behivavy. <sup>22</sup> Avy hatrany dia nasainy nankao amin'ny sambokely ary handeha hialoha Azy ho eny ampita ireo mpianany, raha mbola nandefa ireo vahoaka Izy. <sup>23</sup> Taorian'ny nandefasany ireo vahoaka, dia nandeha niakatra teny an-tendrombohitra irery Izy mba hivavaka. Rehefa tonga ny hariva, dia irery teo Izy. <sup>24</sup> Ary ny sambo dia efa lasa lavitry ny tanety, natopatopan'ny onja, satria nitsoka nanohitra azy ireo ny rivotra. <sup>25</sup> Tamin'ny fiambenana fahefatra ny alina dia nanatona azy ireo Jesosy, nandeha teny ambony ranomasina. <sup>26</sup> Rehefa nahita Azy nandeha teny ambony ranomasina ireo mpianatra, dia raiki-tahotra ka niteny hoe: "Matotoa io," ary dia nihiakiaka tamin-tahotra izy ireo. <sup>27</sup> Fa Jesosy niteny tamin'izy ireo avy hatrany hoe: "Mahereza! Izaho ity! Aza matahotra." <sup>28</sup> Namaly Azy Petera ka nanao hoe: "Tampo, raha ianao io, dia asaivo manatona Anao eny ambonin'ny rano aho." <sup>29</sup> Hoy Jesosy hoe: "Manatona" Koa dia niala avy tao amin'ny sambokely Petera ary nandeha teo ambony rano mba hanatona an'i Jesosy. <sup>30</sup> Fa rehefa nahita ny rivotra Petera, dia lasa natahotra. Raha iny izy nanomboka nilentika iny, dia nihiaka mafy izy sady niteny hoe: "Tampo, vonjeo aho!" <sup>31</sup> Avy hatrany Jesosy dia naninjitra ny tanany, nihazona an'i Petera, ary niteny taminy hoe: "Ianao ry kely finoana, fa maninona ianao no niahiahy?" <sup>32</sup> Avy eo Jesosy sy Petera nandeha nihazo ny sambokely, nitsahatra nitsoka ny rivotra. <sup>33</sup> Avy eo ireo mpianatra tao anaty sambokely nidera an'i Jesosy ary niteny hoe: "Ianao marina no Zanak'Andriamanitra." <sup>34</sup> Rehefa avy niampita izy ireo, dia tonga teny an-tanety tao Genesareta. <sup>35</sup> Rehefa nahafantatra an'i Jesosy ireo lehilahy tao amin'izany toerana izany, dia nandefa hafatra teny amin'ny faritra manodidina rehetra, ary nentin'izy ireo teo Aminy izay olona narary rehetra. <sup>36</sup> Nitalaho Taminy izy ireo mba hahafahan'izy ireo mikasika ny moron'akanjony fotsiny ihany, ary maro ireo nikasika izany ka sitrana.

### Matthew 14:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ireo andininy ireo dia manazava ny fihetsik'i Heroda rehefa nandre ny amin'i Jesosy izy. Ity

tranga ity dia miseho afaka fotoana kely aorian'ireo tranga manaraka izany ao amin'ny fitantarana.

**Tamin'izany fotoana izany**  
"Tamin'izany andro izany" na "Raha mbola nanao asa fanompoana tany Galilia i Jesosy"

**nandre ny vaovao momba an'i Jesosy**  
 "nandre tatitra momba an'i Jesosy" na "nandre ny lazan'i Jesosy"

**Hoy izy**  
 "Hoy Heroda"

**nitsangana tamin'ny maty**  
 "velona indray izy"

**Noho izany dia miasa ao aminy ireo hery ireo**  
 Ireo Jiosy sasany tamin'izany fotoana izany dia nino fa raha mitsangana amin'ny maty ny olona iray dia manana hery hanao zavatra mahagaga.

### Matthew 14:3

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Eto dia manomboka mitantara ny amin'ny fomba namonoan'i Heroda an'i Jaona Mpanao Batisa ny mpanoratra. Ireto tranga ireto dia niseho taloha kelin'ireo tranga tao amin'ny andininy teo aloha.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
 Mamerina milaza ny tantaran'ny nahafatesan'i Jaona Mpanao Batisa ny mpanoratra mba hampisehoana hoe nahoana no nanao fihetsika tahaka izany i Heroda rehefa nandre momba an'i Jesosy.

**Heroda nisambotra an'i Jaona, namatotra azy, ary nandefa azy tany an-trano maizina**  
 Io dia milaza fa nanao izany i Heroda satria izy no nibaiko olon-kafa hanao ireo zavatra ireo ho azy. DH: "Nibaiko ireo miaramilany i Heroda mba hisambotra sy hamatotra an'i Jaona Mpanao Batisa ary handefa azy ho any an-trano maizina"

**vadin'i Filipo**  
 Filipo no anaran'ny rahalahin'i Heroda.

**Fa hoy Jaona taminy hoe: "Tsy ara-dalana ho anao ny manana azy ho vadinao."**  
 Azo adika tsy mivantana io teny io raha ilaina. DH: "Fa i Jaona niteny taminy fa tsy ara-dalana ho azy ny maka azy ho vadiny"

**Fa hoy Jaona taminy hoe**  
 "Fa i Jaona nilaza taminy hatrany hatrany hoe"

**tsy ara-dalana**  
 Mbola velona i Filipo tamin'ny nanambadian'i Heroda an'i Herodiasy.

**natahotra**  
 "Heroda natahotra"

**noraisin'izy ireo**  
 "izy ireo dia nandray an'i Jaona ho"

### Matthew 14:6

**teo afovoany**  
 Azona atao hoe DH: "teo afovoan'ireo vahiny nasaina nanatrika ilay fankalazana ny tsingerintaona"

### Matthew 14:8

**Rehefa avy notoroan'ny reniny marika**  
 Azo atao hoe DH: "Rehefa avy nanoro lalana azy ny reniny"

**notoroana marika**  
 "notenenina"

**hoy izy**  
 "Hoy ny zanak'i Herodiasy tamin'i Heroda"

**lovia**  
 Lovia lehibe

**Nalahelo mafy nohon'ny fangatahany ny mpanjaka**  
 Azo atao hoe DH: "Nampalahelo mafy ny mpanjaka ny fangatahany"

**ny mpanjaka**  
 "Heroda mpanjaka"

**dia nanome baiko izy fa tokony ho vita izany**  
 Azo adika hoe DH: "nibaiko ireo olony mba hanao izay nolazainy"

### Matthew 14:10

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Ity no mamarana nny fitantarana ny amin'ny fomba namonoan'i Heroda an'i Jaona Mpanao Batisa.

**nentina tamin'ny lovia ny lohany ary nomena ilay zazavavy**  
 Azo atao hoe DH: "nisy olona nitondra ny lohany teo an-dovia ary nanome izany an'ilay zazavavy"

**lovia**  
 lovia lehibe

**zazavavy**  
 Mampisà teny ilazana vehivavy tanora, tsy manambady.

**ireo mpianany,**  
 "ireo mpianatr'i Jaona"

**nandeha izy ireo ary nilaza tamin'i Jesosy**  
 Azo atao mazava ny hevitra fenon'ity teny ity. DH: "nandeha ary nilaza tamin'i Jesosy ny nanjoa an'i Jaona Mpanao Batisa ireo mpianatr'i Jaona"

**Matthew 14:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireo andininy ireo dia mamaritra ny fihetsik'i Jesosy raha nandre fa novonoin'i Heroda i Jaona Mpanao Batisa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireo andininy ireo dia manome fampahafantarana fototra momba ireo fahagagana izay ho ataon'i Jesosy amin'ny alalan'ny famokisana olona dimy arivo.

**Ary**

Ampisaina io teny io eto mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia milaza fizaran-tantara vaovao.

**nandre izany**

"nandre ny amin'izay nanjoa an'i Jaona" na "nandre ny vaovao momba an'i Jaona"

**niala avy teo**

"niala Izy" na "niala lavitra an'ireo vahoaka Izy." Misy hevitra ambadika izany fa niaraka taminy ireo mpianatr'i Jesosy. DH: "Niala i Jesosy sy ireo mpianany"

**avy teo**

"teo amin'izany toerana izany"

**Rehefa nandre izany ireo vahoaka**

"Rehefa ren'ny vahoaka hoe nankaiza i Jesosy" na "Rehefa ren'ny vahoaka fa nandeha i Jesosy"

**ireo vahoaka**

"ireo vondron'olona maro" na "ireo olona"

**Avy eo Jesosy nankeo anoloan'izy ireo ary nahita ireo vahoaka maro be**

"Rehefa tonga tonga teny an-tanety i Jesosy, dia nahita vahoaka be Izy"

**Matthew 14:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no manomboka ny tantaran'i Jesosy namoky olona dimy arivo tamin'ny mofo kely dimy sy hazandrano kely roa.

**nankeo aminy ireo mpianatra**

"Nankeo aminy ireo mpianatr'i Jesosy"

**Matthew 14:16****Tsy mila**

"Tsy mila ... ireo vahoaka"

**Omenareo**

Manondro ireo mpianatra io.

**Hoy izy ireo taminy hoe**

"Hoy ireo mpianatra tamin'i Jesosy"

**Mofo dimy**

Ny mofo dia foto-koba izay novolavolaina sy nandrahoina.

**Ento aty amiko izany**

"Ento aty amiko ieo mofo sy hazandrano"

**Matthew 14:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Io no mamarana ny tantaran'i Jesosy namoky olona dimy arivo.

**Nalainy**

"nanolotra ny tanany." Tsy nangalariny akory ireo mofo.

**nanapaka ireo mofo**

"nizara ny mofo"

**Niandrandra**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Raha niandrandra tany ambony" na 2) "Rehefa avy niandrandra tany ambony"

**ary voky**

Azo atao hoe DH: "nandra-pahavokin'izy ireo" na "raha tsy efa tsy noana intsony izy ireo"

**nangonin'izy ireo**

"nangonin'ireo mpianatra" na "nisy olona nanangona"

**nahafeno roambinifolo harona**

"12 harona"

**ireo nihinana**

"Ireo izay nihinana ny mofo sy hazandrano"

**dimy arivo lahy**

"lahilahy 5,000"

**Matthew 14:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireto andininy manaraka ireto dia mamaritra ny tranga izay niseho taorian'ny namokisan'i Jesosy ireo olona dimy arivo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momba ny fahagagana izy ho ataon'i Jesosy amin'ny fandendehanana eny ambony rano.

**Avy hatrany**

"Taorian'ny namokisan'i Jesosy ireo olona rehetra ihany dia,"

**Rehefa tonga ny hariva**

"Efa madiva ho alina" na "Rehefa nihamaizina ny andro"

**natopatopan'ny onja**

"ary tsy afaka nifehy ilay sambokely ireo mpianatra noho ireo onja lehibe"

**satria nitsoka nanohitra azy ireo ny rivotra**

"satria nandroso tao amin'ny rivotra ny sambokelin'izy ireo" na "satria nanohitra azy ireo ny rivotra" dia tsy afaka nandroso izy ireo nohon'ny rivotra.

**Matthew 14:25**

**fiambenana fahefatra ny alina**

Ny fiambenana fahefatra eo anelanelan'ny amin'ny 3 maraina sy ny mangiran-dratsy. DH: "Vao mangiran-dratsy"

**raiki-tahotra**

"natahotra be izy ireo"

**Matotoa**

fanahy niala tamin'ny vatan'olona iray izay maty.

**Matthew 14:28**

**Namaly Azy Petera**

"Petera namaly an'i Jesosy hoe"

**rehefa nahita ny rivotra Petera**

Eto ny hoe "nahita ny rivotra" dia midika hoe tonga saina ny amin'ny rivotra. DH: "rehefa hitan'i Petera ny rivotra nampitopatopa ny onja" na "rehefa tonga saina ny amin'ny herin'ny rivotra izy"

**Matthew 14:31**

**Ianao ry kely finoana**

"Kely tokoa ny finoanao." Mibedy an'i Petera i Jesosy satria kely ny finoany an'Andriamanitra. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 6:30.

**fa maninona ianao no niahiahy**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hilazana amin'i Petera fa tsy tokony nanahy izy. Azonao atao mazava izay tsy tokony ho nanahian'i Petera. DH: "tsy tokony nanahy ianao fa afaka miaro anao tsy hilentika Aho"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra io.

**Matthew 14:34**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireto andininy ireto dia mamaritra izay nitranga taorian'ny nandehanan'i Jesosy teny ambony rano. Ireo dia mamehy ny nasetrin'ny olona ny asa fanompoan'i Jesosy.

**Rehefa avy niampita izy ireo**

"Rehefa tafitan'ny farihy i Jesosy sy ireo mpianany"

**Genesareta**

Io dia tanàna kely eny amin'ny sisiny avaratra-andrefan'ny Ranomasin'i Galilia.

**nandefa hafatra**

"nandefa hafatra ireo lehilahy tao amin'izany faritra izany"

**Nitalaho Taminy izy ireo**

"Nitalaho taminy ireo olona marary"

**moron'akanjony**

"moron-tongotra" na "sisiny"

**akanjony**

"ankanjo lava" na "izay nanaovany"

**sitrana**

Azo atao hoe DH: "lasa salama"

## Chapter 15

<sup>1</sup> Avy eo nisy Fariseo sy mpanora-dalana sasatsasany avy any Jerosalema nanatona an'i Jesosy. Hoy izy ireo hoe: <sup>2</sup> "Nahoana ireo mpianatrao no mandika ny fomban-drazan'ireo zoky olona? Fa tsy manasa ny tanany izy ireo mialohan'ny hisakafo." <sup>3</sup> Namaly Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Koa nahoana ary ianareo no mandika ny lalàn'Andriamanitra nohon'ny fomban-drazanareo?" <sup>4</sup> Fa Andriamanitra niteny hoe: 'Hajao ny rainao sy ny reninao', ary 'Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny, dia ho faty tokoa.' <sup>5</sup> Fa ianareo miteny hoe: 'Na iza na iza milaza amin'ny rainy na reniny hoe: "Na inona na inona fanampiana izay azonareo avy amiko dia fanomezana ho an'Andriamanitra ankehitriny,'" <sup>6</sup> izany olona izany dia tsy mila manaja ny rainy. Amin'izany fomba izany dia nofoananareo ny tenin'Andriamanitra nohon'ny tombontsoan'ireo fomban-drazanareo. <sup>7</sup> Ry mpihatsaravelatsihy! Marina ny faminanian'Isaia momba anareo raha nilaza izy hoe: <sup>8</sup> 'Ity vahoaka ity dia manaja ahy amin'ny molotr'izy ireo, fa ny fon'izy ireo dia lavitra ahy. <sup>9</sup> Tsy misy dikany ny fiderany ahy, satria izy ireo mampianatra ny didin'olombelona toy ny fampianaran'izy ireo.'" <sup>10</sup> Avy eo niantso ny vahoaka ho eo Aminy Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa ka mahazoa - <sup>11</sup> Tsy ny miditra ao ambavan'ny olona no mandoto ny olona. Fa kosa, izay aloaky ny vava, no mandoto ny olona." <sup>12</sup> Avy eo nanatona ireo mpianatra ary niteny tamin'i Jesosy hoe: "Moa va fantatrao fa tohina ireo Fariseo nohon'ny nandre izany teny izany?" <sup>13</sup> Jesosy namaly ka niteny hoe: "Ireo zava-maniry izay tsy nambolen'ilay Raiko any an-danitra dia ho fongorina avokoa. <sup>14</sup> Avelao izy ireo ho eo, izy ireo dia mpitarika jamba. Raha misy olona jamba iray mitarika jamba iray hafa, dia samy hivarina ankady izy roa." <sup>15</sup> Petera namaly ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Azavao aminay izany fanoharana izany." <sup>16</sup> Hoy Jesosy hoe: Tsy manam-pahalalana ihany koa ve ianareo?" <sup>17</sup> Tsy hitanao va fa izay miditra amin'ny vava dia mankao an-kibo ary avy eo dia havoaka any amin'ny lava-piringy?" <sup>18</sup> Fa ireo zavatra izay aloaky ny vava dia avy amin'ny fo. Ireo zavatra ireo no mandoto ny olona iray. <sup>19</sup> Fa avy amin'ny fo no ivoahan'ny sain-dratsy, ny vono olona, ny fijangajangana, ny fakam-badin'olona, ny halatra, ny fijoroana vavolombelona tsy marina, ary ny fitenenan-dratsy. <sup>20</sup> Ireo zavatra ireo no mandoto ny olona iray. Fa ny mihinana amin'ny tanana tsy misasa dia tsy mandoto ny olona iray." <sup>21</sup> Avy eo Jesosy niala teo ka niverina tany amin'ny faritanin'i Tyro sy Sidona. <sup>22</sup> Indro, nisy vehivavy Kananita anankiray avy amin'izany faritra izany. Niantso mafy izy ary niteny hoe: "Mamindrà fo amiko, ry Tompo, Zanak'i Davida o! Ny zanako vavy dia ampahorin'ny demonia mafy." <sup>23</sup> Fa Jesosy tsy namaly teny azy. Nanatona ireo mpianany ka niangavy Taminy, nanao hoe: "Roahy izy, fa mitabataba mafy amintsika." <sup>24</sup> Fa Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy nirahina ho an'iza na iza Aho afa-tsy ho an'ny ondry very ao amin'ny ankohonan'Isiraely." <sup>25</sup> Fa tonga nangataka sy niankohaka teo anatrehany izy, nanao hoe: "Tompo, vonjeo aho." <sup>26</sup> Namaly Izy ka nanao hoe: "Tsy rariny raha alaina ny mofon-jaza ka atsipy ho an'ny amboa." <sup>27</sup> Fa hoy izy hoe: "Eny, Tompo, fa na dia ny amboa aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabaty ny tompony." <sup>28</sup> Dia namaly Jesosy ary niteny taminy hoe: "Ravehivavy, lehibe ny finoanao; ho tanteraka aminao anie izany araka izay irinao." Dia sitrana ny zanany vavy tamin'izany ora izany. <sup>29</sup> Niala teo Jesosy ka nankeny akaikin'ny ranomasin'ny Galilia. Avy eo dia niakatra teny an-tendrombohitra iray Izy ka nipetraka teo. <sup>30</sup> Vahoaka maro no nanatona Azy. Noentin'izy ireo niaraka tamin'izy ireo ny mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina, ary marary maro hafa koa. Napetrak'izy ireo teo an-tongotr'i Jesosy ireo; ka dia nositrany. <sup>31</sup> Koa dia talanjona ny vahoaka raha nahita ireo moana miteny, ny kilemaina sitrana, ny malemy afaka mandeha, ary ny jamba mahiratra. Nankalaza ny Andriamanitr'Isiraely izy ireo. <sup>32</sup> Niantso ireo mpianany mba hanatona Azy Jesosy ary niteny hoe: "Mangoraka ireo vahoaka Aho, satria efa telo andro sahady izy ireo no nipetraka niaraka tamiko nefa tsy manan-ko hanina. Tsy te handefa azy ireo tsy misakafo Aho, fandrao mety ho torana eny an-dalàna eny." <sup>33</sup> Hoy ireo mpianatra Taminy hoe: "Aiza no hahitanay mofo sahaza sy ampy ireo vahoaka maro be ireo aty an'efitra?" <sup>34</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mofo firy no any aminareo?" Ary hoy izy ireo hoe: "Fito, sy hazandrano madinika vitsy." <sup>35</sup> Avy eo Jesosy nandidy ny vahoaka mba hipetraka amin'ny tany. <sup>36</sup> Nandray ny mofo fito mbamin'ny hazandrano Izy, ary rehefa nisaotra, dia namaky ny mofo ka nanolotra ireo ho an'ireo mpianatra. Ireo mpianatra nanome ho an'ny vahoaka. <sup>37</sup> Nihinana ka afa-po ny vahoaka rehetra. Avy eo izy ireo nanangona sobika fito feno sombintsombiny izay tsy lany. <sup>38</sup> Ireo izay nihinana dia efatra arivo lahy, tsy ao anatin'ny zaza amam-behivavy. <sup>39</sup> Avy eo Jesosy nampody ny vahoaka ka niondrana an-tsambokely ary dia nankany amin'ny faritr'i Magadana.

**Matthew 15:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Mivadika makany amin'ny tranga izay niseho fotoana kely taorian'ireo tranga tao amin'ny toko teo aloha ny tantara. Eto i Jesosy dia mamaly ny fanakianan'ireo Fariseo.

**Nahoana ireo mpianatra no mandika ny fomban-drazan'ireo zoky olona?**

Ampiasain'ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna io fanontaniana io mba hitsikerana an'i Jesosy sy ireo mpianany. DH: "Tsy manaja ireo fitsipika izay nomen'ny razambenay ireo mpianatrao"

**fomban-drazan'ireo zoky olona**

Tsy mitovy amin'ny lalàn'ny Mosesy io. Manambara ireo fampianarana sy hevitra momba ny lalàna taty aoriana izay nomen'ny mpitarika fivavahana taorian'i Mosesy io.

**tsy manasa ny tanany izy ireo**

Ity fiasana ity dia tsy fanasan-tanana fotsiny. Ilazana ny fomba fiasana araka ny fomban-drazan'ireo zoky olona izany. DH: "izy ireo dia tsy manasa ny tanan'izy ireo araka ny tokony ho izy"

**Koa nahoa ary ianareo no mandika ny lalàn'Andriamanitra nohon'ny fomban-drazanareo?**

Mamaly amin'ny fanontaniana i Jesosy mba hitsikerana ny ataon'ireo mpitarika fivavahana. DH: "Ary hitako fa tsy manaiky ny hankatoa ny didin'Andriamanitra ianareo mba hahafahanareo manaraka izay nampianarin'ny razambenareo anareo!"

**Matthew 15:4****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly ireo fariseo i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 4, milaza ny teny avy ao amin'ny Eksodosy indroa i Jesosy mba hampisehoana hoe toy ny ahoana ny fomba andrasan'Andriamanitra hitondran'ny olona ny ray aman-drenin'izy ireo.

**ho faty tokoa**

"tena ho vovoin'ny olona tokoa izy"

**Fa ianareo miteny hoe:** 'Na iza na iza milaza amin'ny rainy na reniny hoe: "Na inona na inona fanampiana izay azonareo avy amiko dia fanomezana ho an'Andriamanitra ankehitriny," izany olona izany dia Raha ilaina dia afaka adikanao amin'ny teny tsy mivantana ireo. DH: "Fa mampianatra ianareo fa ny olona iray dia tsy mila manaja ny ray aman-dreniny amin'ny fanomezana zavatra izay mety hanampy azy ireo, raha miteny amin'ireo ray aman-dreniny io olona io fa efa nomeny ho fanatitra ho an'Andriamanitra izany"

**Fa ianareo miteny hoe**

Manondro ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna ny "ianareo" eto.

**tsy mila manaja ny rainy**

Midika hoe "ireo ray aman-dreniny" ny "rainy" eto. Midika io fa ireo mpitarika fivavahana dia nampianatra fa tsy mila maneho fanajana amin'ireo ray aman-dreniny amin'ny fikarakarana azy ireo ny olona iray.

**nofoananareo ny tenin'Andriamanitra noho ireo fomban-drazanareo**

"nantaonareo ho zava-dehibe mihoatra noho ireo didin'Andriamanitra ny fomban-drazanareo"

**Matthew 15:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny famaliany ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 8 sy 9, i Jesosy dia mamerina ny tenin'Isaia mpaminany mba hananarana ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna.

**Marina ny faminanian'Isaia momba anareo**

"Nilaza ny marina Isaia tamin'ny faminanianana momba anareo"

**raha nilaza izy hoe**

Midika izany fa nanambara izay nolazain'Andriamanitra taminy Isaia. DH: "raha nilaza izay nambaran'Andriamanitra izy"

**Ity vahoaka ity dia manaja ahy amin'ny molotr'izy ireo**

Eto ny "molotra" dia ilazana ny hoe miteny. DH: "Ireto vahoaka ireto dia milaza ny zavatra tsara rehetra amiko"

**ahy**

Manondro an'Andriamanitra avokoa ny "ahy" rehetra eto.

**fa ny fon'izy ireo dia lavitra ahy**

Eto ny "fo" dia ilazana ny eritreritra na fihetseham-pon'ny olona iray. Ity teny ity dia fomba hitenenana fa tsy tena manolo-tena ho an'Andriamanitra ny olona. DH: "fa tsy tena tia Ahy izy ireo"

**Tsy misy dikany ny fiderany ahy**

"Tsy misy dikany amiko ny fideran'izy ireo" na "Mody midera Ahy fotsiny izy ireo"

**ny didin'olombelona**

"ireo fitsipika narafitry ny olona"

**Matthew 15:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mampianatra ireo vahoaka sy ireo mpianany momba izay mandoto ny olona iray sy ny

maha-diso ireo Fariseo sy mpanora-dalàna manoloana ny fitsikera'izy ireo Azy i Jesosy.

#### **Mihainoa ka mahazoa**

Tsindrian'i Jesosy ny maha zava-dehibe izay ho lazainy. Ny hevitra ambadiky ny fampahafantarana dia azao adika mazava. DH: "Mihainoa tsara izay lazaiko mba hahazoanareo ny dikany"

#### **miditra ao ambavan'ny ... izay aloaky ny vava**

Mampifanohitra izay hanin'ny olona iray amin'izay tenenin'ny olona iray i Jesosy. Ny tian'i Jesosy ambara dia hoe: izay lazain'ny olona no heverin'Andriamanitra fa tsy izay haniny.

### **Matthew 15:12**

**tohina ireo Fariseo nohon'ny nandre izany teny izany**  
Azo atao hoe DH: "nahatezitra ireo Fariseo izay teny izany" na "nanohina ireo Fariseo izany teny izany"

#### **Ireo zava-maniry izay tsy nambolen'ilay Raiko any andanitra dia ho fongorona avokoa**

Sarin-teny io. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia tsy tena an'Andriamanitra ireo Fariseo, ka ho esorin'Andriamanitra izy ireo.

#### **Raiko any an-danitra**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

#### **ho fongorona**

Azo atao hoe DH: "ho fongorin'ny Raiko ireny" na "hongotan'ny Raiko hiala amin'ny tany ireny" na "ho esorin'ny Raiko ireny"

#### **Avelao izy ireo ho eo**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo Fariseo.

#### **olona jamba iray mitarika ... hivarina an-kady izy roa**

Mampiasa fanoharana i Jesosy mba hanehoana ireo Fariseo. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia tsy azon'ireo Fariseo ireo didin'Andriamanitra sy ny fomba hahazoana sitraka Aminy. Noho izany, tsy afaka mampianatra ireo hafa ny amin'ny fomba ahazoana sitraka amin'Andriamanitra izy ireo.

### **Matthew 15:15**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava ny fanoharana tao amin'ny 15:12 i Jesosy.

#### **aminay**

"aminay mpianatra"

#### **Tsy manam-pahalalana ihany koa ve ianareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo mpianatra ny amin'ny tsy fahazoan'izy ireo ilay fanoharana. Ary koa, ny teny hoe "ianareo" dia tsindriany. Tsy mino i Jesosy hoe ireo mpianany mihitsy no tsy mahazo. DH: "Kivy Aho fa ianareo,

mpianatro, dia mbola tsy mahazo izay ampianariko!"

#### **Tsy hitanao va ... lava-piringy**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo mpianatra amin'ny tsy fahazoan'izy ireo ilay fanoharana. DH: "Azonareo tokoa ... any amin'ny lava-piringy"

#### **lava-piringy**

Fomba ilazana ny toerana fasian'ny olona ny maloto vy ao amin'ny vatana io.

### **Matthew 15:18**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy manazava ny fanoharana izay nolazainy tao amin'ny 15:12 i Jesosy.

#### **ireo zavatra izay aloaky ny vava**

Ilazana izay tenenin'ny olona io. DH: "teny izay lazain'ny olona"

#### **Fa avy amin'ny fo**

Eto ny "fo" dia ilazana izay ao an-tsain'ny olona iray na izay any anaty. DH: "avy ao anatin'ny olona" na "avy ao an-tsain'ny olona"

#### **vono olona**

mamono olona tsy manan-tsiny

#### **fitenenan-dratsy**

milaza zavatra maharary sy tsy marina momba ny olona iray

#### **tanana tsy misasa**

Ny hevitr'izany dia tsy nanasa tanana araka ny fomban-drazan'ireo loholona ny olona iray.

### **Matthew 15:21**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankaobeny:**

Ity no fanombohan'ny tantara vaovao momba an'i Jesosy nanasitrana ny zanaka vavin'ny vehivavy Kananita iray.

#### **Jesosy niala teo**

Ny hevitra ambadik'izany dia niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianany. DH: "Niala teo i Jesosy sy ireo mpianany"

#### **Indro, nisy vehivavy Kananita anankiray nivoaka**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fitenin'ao. DH: "nisy vehivavy kananita iray izay avy"

#### **vehivavy Kananita anankiray avy amin'izany faritra izany**

"vehivavy avy amin'ny vondron'olona atao hoe Kananita izay nipetraka tao amin'izany faritra izany" Tsy nisy intsony ny firenen'i Kananita tamin'izany fotoana izany. Izy dia isan'ireo vondron'olona nipetraka teo akaikin'ny tanànan'ny Tyra sy Sidona.

**Mamindrà fo amiko**

Io fehezanteny io dia midika fa mangataka izy mba hanasitrana'n'i Jesosy ny zanany vavy. DH: "Mamindrà fo ary mba sitrano ny zanako vavy"

**Zanak'i Davida**

Tsy tena zanak'i Davida ara-bakiteny akory i Jesosy, koa azo adika io hoe "Taranak'i Davida." Na izany aza, ny hoe "Zanak'i Davida" dia fiantsoana ilazana ny Mesia ihany koa, ary mety ho niantso an'i Jesosy araka izany fiantsoana izany ilay vehivavy.

**Ny zanako vavy dia ampahorin'ny demonia mafy**

Azo atao hoe DH: "misy demonia mampahory ny zanako vavy mafy"

**tsy namaly teny azy**

Eto ny "teny" dia maneho izay lazain'ny olona iray. DH: "tsy niteny na inona na inona"

**Matthew 15:24****Tsy nirahina ho an'iza na iza Aho**

Azo adika hoe DH: "Tsy nirahin'Andriamanitra ho an'iza na iza Aho"

**ny ondry very ao amin'ny ankohonan'Isiraely**

Io dia sarin-teny mampitaha ny firenen'Isiraely manontolo amin'ny ondry izay nania lavitra tamin'ny mpiandry azy ireo. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 10:5.

**Fa tonga**

"Tonga ilay vehivavy Kananita"

**niankohaka teo anatrehany**

Mampiseho izany fa nanetri-tena teo anatrehan'i Jesosy ilay vehivavy.

**Tsy rariny raha alaina ny mofon-jaza ka atsipy ho an'ny amboa kely**

Novalian'i Jesosy tamin'ny ohabolana ilay vehivavy. Ny dikan'izany dia hoe tsy mety ny maka izay tokony ho an'ny Jiosy ka manome izany ho an'izay tsy Jiosy.

**amboa kely**

Mampiasà teny izay mahalaza ny biby ataon'ny olona fiompy izay mety hitovy habe amin'ny amboa.

**mofon-jaza**

Eto ny "mofo" dia ilazana ny sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "ny sakafon'ny ankizy"

**ny amboa kely**

Noraisin'ireo Jiosy ho biby maloto ny amboa. Eto izany dia ampiasaina ho kisarisary maneho ireo tsy Jiosy

**Matthew 15:27****fa na dia ny amboa aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony**

Ilay vehivavy dia namaly an'i Jesosy tamin'ny fampiasana ilay kisarisary mitovy amin'izay nampiasain'i Jesosy tao amin'ny ohabolana izay nolazainy. Ny tiany ho lazaina dia tokony ho afaka ny ahazo anjara kely amin'ny zava-tsoa izay arian'ireo Jiosy ireo izay tsy Jiosy.

**amboa**

Mampiasà teny izay mahalaza ny biby ataon'ny olona fiompy izay mety hitovy habe amin'ny amboa. Adikao araka ny nataonao ao amin'ny 15:24.

**ho tanteraka**

Azo adika hoe DH: "Ho ataoko"

**sitrana ny zanany vavy**

Azo atao hoe DH: "Nositrana'n'i Jesosy ilay zanany vavy" na "ary lasa salama ilay zanany vavy"

**tamin'izany ora izany**

Io dia fomba fiteny. DH: "Tamin'io fotoana io indrindra" na "Avy hatrany"

**Matthew 15:29****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireo andininy ireo dia manome fampahafantarana ny fototra momba ireo fahagagana izay ho ataon'i Jesosy amin'ny famokisana olona efatra arivo.

**mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina**

"ireo izay tsy afa-nandeha, ireo izay tsy afa-nahita, ireo izay tsy afa-niteny, ary ireo izay tsy niasa ny tanany na ny tongony"

**Napetrak'izy ireo teo an-tongotr'i Jesosy ireo**

Eto ny "tongotra" dia midika hoe napetrak'izy ireo teo anoloan'i Jesosy ireo marary. DH: "Noentin'ireo vahoaka teo amin'i Jesosy ireo olona marary"

**ny kilemaina ... ny mandringa ... ny jamba**

Ireo mpamaritra anarana ireo dia azo adika ho mpamari-toetra. DH: "ireo olona kilemaina ... ireo olona mandringa ... ireo olona jamba"

**Matthew 15:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity ny fiantombohan'ny tantara momba an'i Jesosy namoky olona efatra arivo tamin'ny mofo fito sy trondro vitsivitsy.

**fandrao mety ho torana eny an-dalana eny**

"satria mety ho torana an-dalana izy ireo"



**Aiza no hahitanay mofo sahaza sy ampy ireo vahoaka maro be ireo aty an'efitra?**  
Mampiasa fanontaniana ireo mpianatra mba hilazana fa tsy misy toerana hahazoana sakafo ho an'ireo vahoaka. DH: "tsy misy toerana eto akaiky eto mba hahafahanay mividy sakafo ampy ho ana vahoaka be tahaka izao"

**Fito, sy hazandrano madinika vitsy.**  
Azo hazavaina ny fampahafantarana izay efa azo. DH: "Mofo fito, sy hazandrano madinika vitsy"

### **Matthew 15:36**

**Nandray**  
"Nanolotra ny tanany i Jesosy." Tsy hoe nangalatra ireo akory.

**nanolotra ireo**  
"nanolotra ireo mofo sy hazandrano"

**nanangona**  
"nahangona ... ireo mpianatra" na "nisy olona nanangona"

**Ireo izay nihinana**  
"Ireo olona nihinana"

**efatra arivo lahy**  
"4,000 lahy"

**Magadana**  
Indraindray dia antsoina hoe "Magadala" io faritra io.

## Chapter 16

<sup>1</sup> Tonga ireo Fariseo sy Sadoseo ary nitsapa Azy ka nangataka Azy mba hampiseho azy ireo famantarana avy any an-danitra. <sup>2</sup> Fa Izy namaly ary niteny azy ireo hoe: "Rehefa hariva, dia hoy ianareo hoe: 'Ho tsara ny andro, fa mena ny lanitra.' <sup>3</sup> Rehefa maraina, dia hoy ianareo hoe: 'Ho ratsy ny andro, fa mena sy manjombona ny lanitra.' Hainareo ny mamantatra ny endriky ny lanitra, fa ianareo tsy afaka mandika ireo famantarana ny fotoana. <sup>4</sup> Ny taranaka ratsy sy mpijangajanga dia mitady famantarana, fa tsy hisy famantarana homena azy ankoatra ny famantaran'i Jona." Avy eo Jesosy nandao azy ireo ka lasa. <sup>5</sup> Rehefa tonga teny ampita ireo mpianatra, dia adinon'izy ireo ny nitondra mofo. <sup>6</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo." <sup>7</sup> Niady hevitra ireo mpianatra ka nilaza hoe: "Noho isika tsy nitondra mofo izany." <sup>8</sup> Jesosy nahafantatra izany ka niteny hoe: "Ianareo ry kely finoana, nahoana ianareo no miady hevitra aminareo ka miteny fa nohon'ny tsy nitondranareo mofo izany? <sup>9</sup> Mbola tsy fantatrarao na tsaroanareo va ny mofo dimy ho an'ny dimy arivo, ary sobika firy no nanganinareo? <sup>10</sup> Na ireo mofo fito ho an'ireo efatr'arivo, ary sobika firy no nalainareo? <sup>11</sup> Ahoana no tsy ahazoanareo fa tsy momban'ny mofo no nolazaiko anareo? Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo." <sup>12</sup> Avy eo azon'izy ireo fa tsy hitandrina amin'ny masirasiran'ny mofo no nolazainy azy ireo, fa hitandrina ny amin'ny fampianaran'ireo Fariseo sy Sadoseo. <sup>13</sup> Ary rehefa tonga tany amin'ny faritra akaikin'ny Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ireo mpianany Izy, manao hoe: "Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'Olona?" <sup>14</sup> Hoy izy ireo hoe: "Ny sasany milaza fa Jaona mpanao batista; ny sasany, Elia; ary ireo hafa, Jeremia, na iray amin'ireo mpaminany." <sup>15</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?" <sup>16</sup> Namaly, Simona Petera nanao hoe: "Ianao no Kristy, Zanak'ilay Andriamanitra velona." <sup>17</sup> Namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: "Sambatra ianao, ry Simona Bar-Jona, fa tsy ny nofo sy rà no naneho izany taminao, fa ny Raiko izay any an-danitra. <sup>18</sup> Lazaiko aminao ihany koa fa ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no hanorenako ny fiangonako. Ny vavahadin'ny fasana dia tsy haharesy izany. <sup>19</sup> Homeko anareo ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra. Na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia ho fehezina any an-danitra, ary na inona na inona vahanao ety an-tany dia ho vahana any an-danitra." <sup>20</sup> Avy eo Jesosy nandidy ireo mpianatra fa izy ireo dia tsy tokony hilaza na amin'iza na iza fa Izy no Kristy. <sup>21</sup> Tamin'izany fotoana izany Jesosy nanomboka niteny ireo mpianany fa tsy maintsy ho any Jerosalema Izy, hizaka fijaliana maro eo an-tanan'ny loholona sy ny lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna, ho vonoina, sy hatsangana indray amin'ny andro fahatelo. <sup>22</sup> Avy eo Petera naka Azy ka niteny mafy Azy, manao hoe: "Ho lavitra anao anie izany, ry Tompo; tsy hitranga aminao mihintsy anie izany." <sup>23</sup> Fa Jesosy nitodika ka niteny tamin'i Petera hoe: "Mialà any ivohoko, ry Satana! Ianao dia fanafintohinana ho Ahy, noho ianao tsy miraharaha ireo zavatr'Andriamanitra, fa ireo zavatr'ny olona." <sup>24</sup> Avy eo Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Raha misy te-hanaraka Ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy, hitondra ny hazofijaliany, ary manaraka Ahy. <sup>25</sup> Fa na iza na iza te-hamonjy ny ainy dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko, dia hahazo izany. <sup>26</sup> Fa inona moa no soa ho azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao kanefa very ny ainy? Inona no omen'ny olona ho takalon'ny ainy? <sup>27</sup> Fa ny Zanak'Olona dia ho avy amin'ny voninahitry ny Rainy miaraka amin'ireo anjely. Avy eo Izy hamaly soa ny olona tsirairay araka izay vitany. <sup>28</sup> Lazaiko marina aminareo, fa misy sasany aminareo izay mijoro eto no tsy hitsapa ny fahafatesana mandrapahitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga amin'ny fanjakany."

### Matthew 16:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fanombohan'ny fifamaliana teo amin'ny Jesosy sy ireo fariseo ary ireo Sadoseo.

#### nitsapa Azy

Eto ny "nitsapa" dia amin'ny endrika ratsy. DH: "nihantsy Azy" na "te hamandrika Azy"

#### Rehefa hariva

"Rehefa mody ny masoandro"

#### tsara ny andro

Midika izany hoe tsy mandrahona, tony, ary toetr'andro mahafinaritra.

#### mena ny lanitra

Rehefa milentika iny ny masoandro, dia fantatr'ireo Jiosy fa raha mena ny lokon'ny lanitra, dia famantarana izany fa ho tsara sy ho tony ny andro manaraka io.

**Matthew 16:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy ny valin-teniny amin'ireo Fariseo sy Sadoseo i Jesosy.

**Rehefa hariva ... Rehefa maraina**

"Rehefa milentika ny masoandro ... rehefa miposaka ny masoandro"

**Ho ratsy ny andro**

"toetr'andro mandrahona, manorana"

**fa mena sy manjombona ny lanitra**

"mena sy mandrahona"

**Hainareo ny mamantatra ny endriky ny lanitra**

"Hainareo ny mijery ny lanitra ary mahalala hoe karazana toetr'andro manahoana no ho avy"

**fa ianareo tsy afaka mandika ireo famantarana ny fotoana**

"saingy tsy hainareo ny mijery izay miseho amin'izao ary mahalala hoe inona no dikan'izany"

**Ny taranaka ratsy sy mpijangajanga**

Eto ny "mpijangajanga" dia sarin-teny ilazana ny olona izay tsy mahatoky amin'Andriamanitra. DH: "taranaka tsy mino" na "taranaka tsy manana an'Andriamanitra." Jereo ny fomba nandikananao izany ao amin'ny 12:38.

**mitady famantarana**

Nahatezitra an'i Jesosy io fangatahana io noho ny toetra feno fanahian'ireo mpitarika fivavahana ny amin'i Jesosy. Efa nanao fahagagana maro Izy, saingy tsy mbola nino ihany izy ireo. Jereo ny fomba nandikananao izany ao amin'ny 12:38.

**tsy hisy famantarana homena azy**

Azo adika hoe DH: "Tsy hanome famantarana Andriamanitra." Jereo ny fomba nandikananao izany ao amin'ny 12:38.

**ankoatra ny famantaran'i Jona**

"ankoatra ny famantarana izay nomen'Andriamanitra an'i Jona mpaminany." Jereo ny fomba nandikananao izany ao amin'ny 12:38.

**Matthew 16:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana kely taorian'izany ny tantara. Mampiasa irika ahafahany mampitandrina ireo mpianany ny amin'ny Fariseo sy ny Sadoseo i Jesosy.

**teny ampita**

Azonao atao mazava ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "teny ampitan'ny farihy" na "teny ampitan'ny Ranomasin'i Galilia"

**ny masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo**

Eto ny "masirasira" dia sarin-teny ilazana ny hevitra ratsy na fampianaran-diso. Adikao hoe "masirasira" aloha eto ary aza manazava ny dikany ao amin'ny fandikan-teninao. Hatao mazava ny dikan'io ao amin'ny 16:12.

**Niady hevitra**

"nifampiady hevitra"

**Ianareo ry kely finoana**

"Ianareo izay manana finoana kely tahaka izany." Mibedy ireo olona i Jesosy satria kely ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. Jereo ny fomba nandikananao izany ao amin'ny 6:30.

**nahoana ianareo no miady hevitra ... tsy nitondranareo mofo izany?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo mpianany amin'ny tsy fahazoan'izy ireo izay nolazainy. DH: "Kivy Aho fa heverinareo fa ny nanadinoanareo ny nitondra mofo no niresahako momba ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Sadoseo"

**Matthew 16:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampitandrina ireo mpianany ny amin'ireo Fariseo sy Sadoseo i Jesosy.

**Mbola tsy fantatrareo na tsaroanareo va ... nangoninareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo mpianany. DH: "Tsaroanareo tokoa ... nangoninareo!"

**dimy arivo ... efatra arivo**

"5,000 ... 4,000"

**Na ireo mofo fito ... nalainareo?**

"Tsy tsaroanareo koa ve ireo mofo fito ... nangoninareo?" Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hananarana ireo mpianany. DH: "Tsaroanareo tokoa ireo mofo fito ... nangoninareo!"

**Matthew 16:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampitandrina ireo mpianany ny amin'ireo Fariseo sy Sadoseo i Jesosy.

**Ahoana no tsy ahazoanareo fa tsy momban'ny mofo no nolazaiko anareo?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hananarana ireo mpianatra. DH: "Tokony ho azonareo fa tsy tena niresaka momba ny mofo Aho akory"

**masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo**

Eto ny "masirasira" dia maneho hevitra ratsy na fampianaran-diso. Adikao hoe "masirasira" ary aza azavaina ao amin'ny fandikan-teninao ny dikany. Ao amin'ny 16:12 dia ho azon'ireo mpianatra ny dikany.

**izy ireo ... azy ireo**  
Manondro ireo mpianatra ireo.

### **Matthew 16:13**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana kely taorian'izany ny tantara. Manontany i Jesosy amin'ireo mpianany raha takatr'izy ireo hoe iza Izy.

#### **Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatona eo amin'ny fizotran'ny tantara na mba hampidirana olona vaovao. Eto i Matio dia manomboka milaza fizaran-tantara vaovao.

#### **ny Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

#### **Zanak'ilay Andriamanitra velona**

Io dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mampiseho ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

#### **Andriamanitra velona**

Eto ny hoe "velona" dia mampifanohitra ny Andriamanitr'Israely amin'ireo andriamanitra tsy izy sy ireo sampy izay hivavahan'ny olona. Ny Andriamanitr'Israely ihany no velona sady manana fahefana hiasa.

### **Matthew 16:17**

#### **Simona Bar-Jona**

"Simona, zanak'i Jona"

#### **tsy ny nofo sy rà no nampiseho**

Eto ny "nofo sy rà" dia ilazana ny olombelona. DH: "tsy olombelona no nampiseho"

#### **izany taminao**

Eto ny hoe "izany" dia maneho ny teny nolazain'i Petera hoe i Jesosy no Kristy sy Zanak'Andriamanitra Velona.

#### **fa ny Raiko izay any an-danitra**

Ny hevitra izay efa voaray dia mbola azo atao mazava. DH: "fa ny Raiko any an-danitra no nampiseho izany taminao"

#### **ny Raiko**

Io dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

#### **Lazaiko aminao ihany koa**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io.

#### **ianao no Petera**

Ny anarana hoe Petera dia midika hoe "vatolampy."

#### **ambonin'ity vatolampy ity no hanorenako ny fiangonako**

Io dia sarin-teny izay midika fa ho mpitarika ny vondron'olona izay mino an'i Jesosy i Petera.

**Ny vavahadin'ny fasana dia tsy haharesy izany**  
Eto ny "fasana" dia atao toy ny hoe tanàna voadidina rindrina misy vavahady izay manakana ireo maty sy ireo olona hafa tsy hivoaka. Eto ny "fasana" dia maneho ny fahafatesana, ary ny "vavahadiny" dia maneho ny hery. Ireo mety ho dikany dia 1) "ny herin'ny fahafatesana dia tsy handresy ny fiangonako" na 2) "ny fiangonako dia handrava ny herin'ny fahafatesana toy ny fandravan'ny tafika ny tanàna iray."

### **Matthew 16:19**

#### **Homeko anareo**

Eto dia manondro an'i Petera ny hoe "anao."

#### **fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny "fanalahidy" dia maneho an'i Jesosy manome ny fahefana an'i Petera. Tsy milaza izany fa i petera no tompon'ny fanjakana, saingy manana fahefana ny hanapaka izay hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy.

#### **ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra."

#### **fanalahidy**

fitaovana hamahana sy hanidiana varavarana.

#### **izay fehezinareo eto ambonin'ny tany dia ho fehezina any an-danitra ... ary na inona na inona vahanareo ety an-tany dia ho vahana any an-danitra**

Io sarin-teny io dia midika fa hanaiky izay heken'i Petera na lavin'i Petera ety an-tany Andriamanitra.

#### **ho fehezina ... ho vahana**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia hamehy .., Andriamanitra dia hamaha"

### **Matthew 16:21**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza mialoha ny fahafatesany i Jesosy ary manomboka milaza amin'ireo mpianany ny vidin'ny fanarahan-dia Azy.

#### **Tamin'izany fotoana izany**

Rehefa avy nandidy ireo mpianany tsy hilaza amin'iza na iza fa Izy no Kristy, dia nanomboka nizara tamin'izy ireo ny amin'izay tsy maintsy hiseho any Jerosalema i Jesosy.

#### **hizaka fijaliana maro eo an-tanan'ny loholona sy ny lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna**

Eto ny hoe "tanana" dia maneho fahefana. DH: "izay hampijalian'ireo loholona, lohan'ny mpisorona, ary ny mpanora-dalàna Azy"

**ho vonoina**

Azo atao hoe DH: "hamono Azy izy ireo"

**hatsangana indray amin'ny andro fahatelo**

Azo atao hoe DH: "amin'ny andro fahatelo, dia ho velomin'Andriamanitra indray Izy"

**Ho lavitra anao anie izany**

Io dia fomba fiteny izay midika hoe "sanatria anie izany raha hitranga." DH: "Tsia" na "sanatria" na "Tsy hamela izany anie Andriamanitra"

**Mialà any ivohoko, ry Satana! Ianao dia fanafintohinana ho Ahy**

Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia mihevitra toa an'i Satana i Petera satria miezaka ny hanakana an'i Jesosy tsy hahatanteraka izay nanirahan'Andriamanitra Azy. DH: "Mandehana any ivohoko, satria mihevitra toa an'i Satana ianao! Vato fanafitohinana ho Ahy ianao" na "Mandehana any ivohoko, ry Satana! Antsoiko hoe Satana ianao satria vato fanafitohinana ho Ahy"

**Mialà any ivohoko**

"Mialà amiko"

**Matthew 16:24****hanaraka Ahy**

Ny manaraka an'i Jesosy eto dia midika hoe mpianany. DH: "ho mpianatro" na "ho isan'ny mpianatro"

**mandà ny tenany izy**

"tsy maintsy mandà ny filàny" na "tsy maintsy mahafofy ireo filàny"

**hitondra ny hazofijaliany**

"milanja ny hazofijaliany ary manaraka Ahy." Maneho fahorianana sy fahafatesana eto ny hazofijaliana. Ny fitondrana ny hazofijaliana eto dia midika fahavononana ny hijaly sy ho faty. DH: "tsy maintsy mankatoa Ahy na dia ho amin'ny fijaliana sy fahafatesana aza"

**manaraka Ahy**

Ny fanarahana an'i Jesosy eto dia maneho fankatoavana Azy. DH: "mankatoa Ahy"

**Fa na iza na iza te**

"Fa izay rehetra te"

**hahavery azy**

Tsy midika akory izany fa voatery ho faty ilay olona. Io dia sarin-teny izay midika fa ho raisin'ilay olona ho lehibe kokoa noho ny ainy ny fanarahana-dia an'i Jesosy.

**nohon'ny amiko**

"satria matoky ahy izy"

**hahazo izany**

Io dia sarin-teny izay midika fa hiaina fiainana arapahy miaraka amin'Andriamanitra ilay olona. DH: "hahita fiainana tena izy"

**Fa inona moa no soa ho azon'ny olona ... ny ainy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany. DH: "tsy misy tombontsoa azon'ny olona ... ny ainy"

**mahazo izao tontolo izao**

Mampiasa filaza-masaka i Jesosy mba hanindriana fa tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao izay sarobidy noho ny fananana tena fiainana miaraka amin'Andriamanitra. DH: "raha azony ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao"

**Inona no omen'ny olona ho takalon'ny ainy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany. DH: "Tsy misy na inona na inona azon'ny olona omena hahazoany ny ainy indray"

**Matthew 16:27****Zanak'Olona ... ny Rainy ... Avy eo Izy**

Eto dia milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. DH: "Izaho, ilay Zanak'Olona ... ny Raiko ... Ary Izaho"

**amin'ny voninahitry ny Rainy**

"manana ny voninahitra tahaka ny an'ny Rainy"

**miaraka amin'ireo anjeliny**

"ary hiaraka aminy ireo anjely."

**ny Rainy**

Io dia fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra, izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy ny Zanak'Olona, Jesosy.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**aminareo**

Manondro ireo mpianatra avokoa ny "-nareo" eto.

**hanandrana fahafatesana**

Eto ny hoe "manandrana" dia midika hoe miaina. DH: "tsy mba hiaina an'izay fahafatesana izany" na "tsy ho faty"

**mandra-pahitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga amin'ny fanjakany**

Eto ny "fanjakana" dia maneho ny Zanak'Olona manapaka amin'ny maha-mpanjaka Azy. DH: "mandra-pahitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga hanapaka toy ny mpanjaka"

**mandra-pahitan'izy ireo**

Mbola miresaka momba ireo mpianany ihany i Jesosy. DH: "mandra-pahitanareo"



## Chapter 17

<sup>1</sup> Enin'andro taty aoriana Jesosy dia naka an'i Petera, Jakoba, sy Jaona rahalahiny niaraka taminy, ary nitondra azy ireo niakatra ny tendrombohitra avo tamin'ny tenan'izy ireo. <sup>2</sup> Niova endrika teo anoloan'izy ireo Izy. Namiratra toy ny masoandro ny tavany, ary ireo fitafiany lasa namiratra toy ny hazavana. <sup>3</sup> Indro, niseho tamin'izy ireo Mosesy sy Elia niresaka taminy. <sup>4</sup> Namaly Petera ary nanao tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsara amintsika ny eto. Raha sitrakao, dia hanao fialofana telo ho antsika eto aho - iray ho anao, iray ho an'i Mosesy, ary iray ho an'i Elia." <sup>5</sup> Raha mbola niteny Izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo, ary indro, nisy feo nivoaka avy tao amin'ny rahona, nanao hoe: "Ity ny Zanako malalako, izay sitrako tokoa. Henoy Izy." <sup>6</sup> Rehefa ren'ireo mpianatra izany, dia lavo izy ireo ary natahotra mafy. <sup>7</sup> Avy eo tany Jesosy ary nikasika azy ireo ka niteny hoe: "Mitsangàna ary aza matahotra." <sup>8</sup> Avy eo dia nijery ambony izy ireo fa tsy nahita na iza na iza afa-tsy Jesosy irery ihany. <sup>9</sup> Raha nidina ny tendrombohitra izy ireo, dia nandidy azy ireo Jesosy, nanao hoe: "Aza mitatitra izao fahitana izao na amin'iza na iza mandrapitsangan'ny Zanak'Olona amin'ny maty." <sup>10</sup> Nanontany Azy ireo mpianany, nanao hoe: "Nahoana ary ireo mpanora-dalàna no milaza fa Elia dia tsy maintsy ho avy aloha?" <sup>11</sup> Jesosy namaly ary niteny hoe: "Elia dia ho avy tokoa ary hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. <sup>12</sup> Nefa lazaiko aminareo, fa efa tonga Elia, fa izy ireo tsy nahafantatra azy. Mifanohitra amin'izany, nanao ny zavatra rehetra izay tiany natao taminy izy ireo. Ary toy izany ihany koa, ny Zanak'Olona ihany koa dia hijaly eo an-tanan'izy ireo. <sup>13</sup> Avy eo dia azon'ireo mpianatra fa niteny tamin'izy ireo ny momba an'i Jaona mpanao Batisa Izy. <sup>14</sup> Rehefa tonga teo amin'ny vahoaka izy ireo, dia nisy lehilahy iray nanatona Azy, nandohalika teo anoloany, ary niteny hoe, <sup>15</sup> "Tompo, manàna famindram- po amin'ny zanako lahy, fa voan'ny androbe izy ary mijaly mafy. Fa mianjera matetika any anaty afo na rano izy. <sup>16</sup> Nitondra azy teo amin'ireo mpianatrao aho, fa tsy afaka nanasitrana azy izy ireo." <sup>17</sup> Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Ry taranaka tsy mpino sy simba toetra, mandra-pahoviana no tokony hitoerako miaraka aminareo? Mandra-pahoviana no tsy maintsy izakako miaraka aminareo? Ento eto amiko izy." <sup>18</sup> Niteny mafy ny demonia Jesosy, ka nivoaka taminy izany ary dia sitrana tamin'izany ora izany ilay zazalahy. <sup>19</sup> Dia nanatona an'i Jesosy mangingina ireo mpianatra ary nanao hoe: "Maninona no tsy nahavita namoaka an'iny izahay?" <sup>20</sup> Jesosy niteny azy ireo hoe: "Noho ny finoana kelinareo. Fa lazaiko marina aminareo, raha manana finoana na dia kely toy ny voatsinampy aza ianareo, dia afaka miteny amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe: 'Mifindrà avy eto ho etsy,' dia hifindra izany ary tsy hisy na inona na inona tsy ho hainareo atao. <sup>21</sup><sup>[1]</sup><sup>22</sup> Raha nitoetra tany Galilia izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Ny Zanak'Olona dia hatolotra eo an-tanan'ny olona, <sup>23</sup> ary izy ireo hamono Azy, ary ny andro fahatelo dia hatsangana Izy." Lasa nalahelo tanteraka ireo mpianatra. <sup>24</sup> Rehefa tonga tany Kaperinaomy izy ireo, dia nankeo amin'i Petera ireo lehilahy izay nanangona ny hetra atsasaky ny sekely ary niteny hoe: "Tsy mandoa ny hetra atsasaky ny sekely ve ny mpampianatrareo?" <sup>25</sup> Hoy izy hoe: "Eny." Fa rehefa niditra tao an-trano Petera, dia Jesosy aloha no niresaka taminy ka nanao hoe: "Inona no eritreritrao, ry Simona? Ireo mpanjaka eto an-tany, avy amin'iza no andraisan'izy ireo hetra na hetran'olona? Avy amin'ireo vahoakany va sa avy amin'ireo vahiny?" <sup>26</sup> Rehefa niteny Petera hoe: "Avy amin'ireo vahiny," dia hoy Jesosy taminy hoe: "Dia afaka amin'ny fandoavana izany ireo vahoaka. <sup>27</sup> Fa mba tsy hampanotantsika ny mpamory hetra, dia mandehana any amin'ny ranomasina, manipàza fitana ao, ary alaivo ny trondro izay miakatra voalohany. Rehefa voasokatrao ny vavany, dia hahita sekely ianao. Alaivo izany ary omeo ireo mpamory hetra ho Ahy sy ho anao."

### Footnotes

17:21 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia tsy ahitana ny hoe v. 21. "Fa ity karazana demonia ity dia tsy mivoaka raha tsy miaraka amin'ny vavaka sy fifadian-kanina."

### Matthew 17:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fiantombohan'ny tantaran'i Jesosy niova endrika.

#### Petera, Jakoba, sy Jaona rahalahiny

"Petera, Jakoba, ary ny rahalahin'i Jakoba"

#### Niova endrika

Azo atao hoe DH: "Novain'Andriamanitra tanteraka ny endrik'i Jesosy"

**fitafiany**  
"akanjony"

**Namiratra toy ny masoandro ny tavany, ary ireo fitafiany lasa namiratra toy ny hazavana**  
Ireo dia fampitahana izay manindry hoe toy ny ahoana ny famirapiratan'ny endrik'i Jesosy.

### Matthew 17:3

**Indro**  
Io teny io dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny zavatra mahatalanjona izay manaraka eo.

**tamin'izy ireo**  
Manondro an'i Petera, Jakoba ary i Jaona io.

**taminy**  
"tamin'i Jesosy"

**Namaly Petera ary nanao**  
"nanao hoe." Tsy mamaly fanontaniana i Petera.

**tsara amintsika ny eto**  
Tsy mazava raha manondro an'i Petera, Jakoba. ary Jaona ihany ny hoe "amintsika" eto, na manondro ny olon-drehetra teo, ao anatin'izany i Jesosy, Elia, ary Mosesy. Raha azo atao, dia adikao amin'ny fomba izay hahatafiditra ireo hevitra roa ireo io.

**fialofana**  
Ireo mety ho dikany dia 1) toerana handehanan'ny olona mivavaka na 2) toerana hatoriana vetivety.

### Matthew 17:5

**indro**  
Io teny io dia manaitra ny sain'ny mpamaky mba ho liana tsara amin'ny zavatra mahatalanjona izay manaraka eo.

**nanarona azy ireo**  
"nankeo ambonin'izy ireo"

**nisy feo nivoaka avy tao amin'ny rahona**  
Eto ny "feo" dia maneho an'Andriamanitra miteny. DH: "Niteny tamin'izy ireo avy ao amin'ny rahona Andriamanitra"

**ren'ireo mpianatra izany**  
"nandre an'Andriamanitra niteny ireo mpianatra"

**dia lavo izy ireo**  
"nianjera tamin'ny tany izy ireo"

### Matthew 17:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny tranga manaraka eto dia niseho avy hatrany taorian'ny nanatrehan'ireo mpianatra ny fiovantarehin'i Jesosy.

**Raha nidina ... izy ireo**  
"raha nidina ... i Jesosy sy ireo mpianany"

**ny Zanak'Olon**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**Nahoana ary ireo mpanora-dalàna no milaza fa Elia dia tsy maintsy ho avy aloha?**  
Milaza ny amin'ny finoana fa hitsangan-ko velona i Elia ary hiverina eo amin'ny vahoakan'Isriely mialohan'ny ahatongavan'ny Mesia ireo mpianatra.

### Matthew 17:11

**hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra**  
"handamina ny zavatra" na "hampiomana ireo olona mba hitsena ny Mesia"

**Nefa lazaiko aminareo**  
Manindry izay lazain'i Jesosy manaraka io.

**izy ireo ... izy ireo**  
Mety hidika hoe 1) ireo mpitarika jiosy na 2) ireo vahoaka Jiosy rehetra ny hoe "izy ireo" rehetra eto.

**ny Zanak'Olon ihany koa dia hijaly eo an-tanan'izy ireo**  
Eto ny "tanana" dia maneho fahefana. DH: "hampijaly ny Zanak'Olon izy ireo"

**Zanak'Olon**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy eto.

### Matthew 17:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ity no fiantombohan'ny tantaran'i Jesosy nanasitrana zazalahy izay nisy fanahy ratsy. Ireo tranga ireo dia niseho avy hatrany taorian'ny nidinan'i Jesosy sy ireo mpianany avy any antendrombohitra.

**manàna famindram- po amin'ny zanako lahy**  
Ny hevitra fonosin'izany dia tian'ilay lehilahy hanasitrana ny zanany lahy i Jesosy. DH: "mamindrà fo amin'ny zanako lahy ary sitrano izy"

**voan'ny androbe**  
Midika izany fa indraindray dia tsy mahatsiaro-tena izy ary mitsipatsipaka tsy hay fehezina.

### Matthew 17:17

**Ry taranaka tsy mpino sy simba toetra, mandra-pahoviana**  
"Ity taranaka ity dia tsy mino an'Andriamanitra ary tsy mahalala izay tsara sy ratsy. Mandra-pahoviana"

**mandra-pahoviana no tokony hitoerako miaraka aminareo? Mandra-pahoviana no tsy maintsy izakako miaraka aminareo?**  
Mampiseho ireo fanontaniana ireo fa tsy faly tamin'ny olona i Jesosy. DH: "Leo ny miaraka"



aminareo Aho! Leon'ny tsy finoana sy fahasimban-toetranareo Aho!"

**sitrana tamin'izany ora izany ilay zazalahy**  
Azo atao hoe DH: "lasa salama ilay zazalahy"

**tamin'izany ora izany**  
Fomba fiteny io. DH: "Avy hatrany" na "tamin'izany fotoana izany"

### Matthew 17:19

**izahay**  
Ny "izahay" eto dia manondro ireo miteny fa tsy ireo mihaino.

**Maninona no tsy nahavita namoaka an'iny izahay?**  
"Fa maninona no tsy nahavita namoaka ilay demony tamin'ilay zazalahy izahay?"

**Fa lazaiko marina aminareo**  
"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**raha manana finoana na dia kely toy ny voatsinampy aza ianareo**  
Mampitaha ny haben'ny voatsinampy amin'ny haben'ny finoana ilaina hanaovana fahagagana i Jesosy. Kely dia kely ny voatsinampy, saingy mitombo ho hazo lehibe izany. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia kely ny finoana takiana mba hanaovana fahagagana lehibe.

**tsy hisy na inona na inona tsy ho hainareo atao**  
Azo atao hoe DH: "ho afaka ny hanao ny zavatra rehetra ianareo"

### Matthew 17:22

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Eto dia miova kely vetivety ny tantara, ary milaza mialoha ny fahafatesany sy ny fitsanganany amin'ny maty fanindroany i Jesosy.

**nitoetra ... izy ireo**  
"nitoetra ... i Jesosy sy ireo mpianany"

**Ny Zanak'Olonan'ny dia hatolotra**  
Azo atao hoe DH: "Hisy olona hanolotra ny Zanak'Olonan'ny"

**Ny Zanak'Olonan'ny ... Azy ... Izy**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**eo an-tanan'ny olona**  
Eto ny "tanana" dia maneho fahefana na fifehezana. DH: "eo ambanin'ny fahefan'ny olona" na "eo amin'ny olona"

**hatsangana Izy**  
Azo atao hoe DH: "Hatsangan'Andriamanitra Izy" na "ho velona indray Izy"

### Matthew 17:24

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana kely taorian'izany, izay nampianaran'i Jesosy an'i Petera ny amin'ny fandoavana ny hetran'ny tempoly, ny tantara.

**Rehefa ... izy ireo**  
"Rehefa ... i Jesosy sy ireo mpianany"

**hetra atsasaky ny sekely**  
Io dia hetra izay naloan'ireo Jiosy mba hanohanana ny tempoly tao Jerosalema. DH: "Hetran'ny tempoly"

**an-trano**  
"ilay toerana izay nijanonan'i Jesosy"

**Inona no eritreritrao, ry Simona? Ireo mpanjaka eto an-tany, avy amin'iza no andraisan'izy ireo hetra na hetran'olona? Avy amin'ireo vahoakany va sa avy amin'ireo vahiny?**  
Mametraka fanontaniana i Jesosy mba hampianarana an'i Simona, fa tsy hahazoana fahalalana ho an'ny tenany akory. DH: "Henoy, ry Simona. Fantatsika fa rehefa manangona hetra ireo mpanjaka, dia angonin'izy ireo avy amin'ireo vahiny izany fa tsy amin'ny mponina ao an-tanàna"

**mpanjaka eto an-tany**  
Manondro ireo mpitarika amin'ny ankapobeny izany.

**vahoakany**  
Olonan'ny fahefan'ny mpanapaka na mpanjaka.

### Matthew 17:26

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy mampianatra an'i Petera ny amin'ny fandoavana ny hetran'ny tempoly i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ity no fiakaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 13:54, izay ilazan'ny mpanoratra ny amin'ny fanoherana lava ny asa fanompoan'i Jesosy sy ireo fampianarana momba ny fanjakan'ny lanitra.

**Rehefa niteny Petera hoe: "Avy amin'ireo vahiny,"**  
Raha nadikanao ho teny tsotra ilay fanontaniana'i Jesosy tao amin'ny 17:24, dia mety ho mila manome valiny eto ianao. DH: Rehefa niteny i Petera hoe: "Eny, marina izany. Maka ny hetra avy amin'ireo vahiny ny mpanjaka" Afaka ataonao fiteny tsy mivantana ihany koa io. DH: "taorian'ny naneken'i Petera an'i Jesosy"

**Avy amin'ireo vahiny**  
Amin'ny vanim-potoana ankehitriny, ireo mpitarika dia mampandao hetra ireo mponina ao amin'ny taniny. Fa tamin'ny vanin'andro taloha, dia ireo

olona izay voababony matetika no ampandoavin'ny mpitarika hetra fa tsy ny tena mponina ao amin'ny taniny.

**vahoaka**

Olona ao ambanin'ny fahefan'ny mpanapaka na mpanjaka.

**Fa mba tsy hampanotantsika ny mpamory hetra**

"Fa tsy tiansika ny hahatezitra ireo mpamory hetra. Koa, mandehana."

**manipàza fitana ao**

Namatotra vy maranitra teo amin'ny fintana ireo mpanjono, ary avy eo nandatsaka izany tany anaty rano mba hahazoana trondro.

**ny vavany**

"vavan'ilay trondro"

**Alaivo izany**

"Alaivo izany sekely izany"

**ho Ahy sy ho anao**

Eto dia manondro an'i Petera ny hoe "ho anao." Ny olona tsirairay dia tsy maintsy nandoa hetra antsaaky ny sekely avy. Noho izany dia tokony ho ampy handoavan'i Jesosy sy Petera ny hetran'izy ieo ny sekely iray.

## Chapter 18

<sup>1</sup> Tamin'izany fotoana izany ihany dia tonga teo amin'i Jesosy ireo mpianany ary niteny hoe: "Iza no lehibe indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra?" <sup>2</sup> Jesosy niantso ankizy kely ho eo aminy, nametraka azy teo amin'izy ireo, <sup>3</sup> ary niteny hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa raha tsy miova toy ireo ankizy kely ianareo, dia tsy hisy hevitra ny hidiranareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra. <sup>4</sup> Noho izany, na iza na iza manetry tena toy ity ankizy kely ity dia lehibe indrindra izy any amin'ny fanjakan'ny lanitra. <sup>5</sup> Na iza na iza mandray ny ankizy kely toy izao amin'ny anarako dia mandray Ahy. <sup>6</sup> Fa na iza na iza mahatonga ny iray amin'ireto ankizy kely ireto izay mino Ahy hanota, dia ho tsara kokoa ho azy ny hiantonan'ny fikosoham-bary lehibe eo amin'ny vozony, ka halentika any amin'ny ranomasina lalina izy. <sup>7</sup> Loza ho an'izao tontolo izao nohon'ny fotoanan'ny fanafintohinana! Fa ilaina ny ahatongavan'izany fotoana izany, nefa loza ho an'ny olona izay niavian'izany fotoana izany! <sup>8</sup> Raha miteraka fanafintohina ho anao ny tananao na ny tongotrao, dia tapaho izany ary esory eo aminao. Tsara kokoa ho anao ny miditra kilemaina na mandringa any amin'ny fiainana mandrakizay noho ny ho very any amin'ny afo tsy mety maty amin'ny fanana tanana roa na tongotra roa. <sup>9</sup> Raha miteraka fanafintohinana ho anao ny masonao iray, hongoty izany ary esory eo aminao. Tsara kokoa ho anao ny miditra any amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny maso ila noho ny hoe very any amin'ny afo tsy mety maty miaraka amin'ny maso roa. <sup>10</sup> Tandremo tsy hanao tsinotsinona ireo ankizy madinika ireo ianareo. Fa milaza aminareo Aho fa any an-danitra ireo anjelin'ny dia mijery foana ny endriky ny Raiko izay any an-danitra. <sup>11</sup><sup>12</sup> Inona no eritreritrareo? Raha misy manana manana ondry zato, ka mankany amin'ny lalan-diso ny iray amin'izy ireo, dia tsy handao ny sivy amby sivifolo eo amin'ny avoana va izy ary andeha hikaoka ilay iray izay nankany amin'ny lalan-diso? <sup>13</sup> Raha hitany izany, dia lazaiko marina aminareo, fa mifaly amin'izany mihoatra noho ireo sivy amby sivifolo izay tsy nankany amin'ny lalan-diso izy. <sup>14</sup> Toy izany ihany koa, tsy sitraky ny Rainareo any an-danitra ny hahavery ny iray amin'ireo madinika ireo. <sup>15</sup> Raha manota aminao ny rahalahinao, mandehana ary lazao azy ny hadisoany, aminao sy izy irery ihany. Raha mihaino anao izy, dia hifankahazo amin'ny rahalahinao indray ianao. <sup>16</sup> Kanefa raha tsy mihaino anao izy, dia mangalà iray na roa hafa miaraka aminao, amin'izay mba amin'ny vavan'ireo vavolombelona roa na telo no ahafahana manamarina ny teny rehetra. <sup>17</sup> Ary raha mandà ny hihaino azy ireo izy, dia lazao amin'ny fiangonana ny zava-mitranga. Raha tsy manaiky hiaino ny fiangonana ihany koa izy, dia avelao izy ho toy ny Jentilisa sy ny mpamory hetra. <sup>18</sup> Lazaiko marina aminareo, na inona na inona fehezinareo ety an-tany dia ho fehezina any an-danitra; ary na inona na inona avelanareo eto an-tany dia ho voavela any an-danitra. <sup>19</sup> Dia mbola lazaiko aminareo indray hoe: "Raha misy roa aminareo manaiky eto an-tany ny amin'izay rehetra angatahan'izy ireo, dia ho atao ho azy ireo izany amin'ny alalan'ny Raiko izay any an-danitra. <sup>20</sup> Fa na aiza misy roa na telo miaramivory amin'ny Anarako, dia eo afovoan'izy ireo eo Aho." <sup>21</sup> Avy eo nanatona Petera ary niteny tamin'i Jesosy hoe: "Tampo, impiry hanota amiko ny rahalahiko ka hamela azy aho? Hatramin'ny im-pito va?" <sup>22</sup> Jesosy niteny azy hoe: "Tsy miteny aminao Aho hoe im-pito, fa hatramin'ny fitopolo im-pito. <sup>23</sup> Noho izany ny fanjakan'ny lanitra dia mitovy amin'ny mpanjaka iray izay te hifandamina ara-bola miaraka amin'ireo mpanompony. <sup>24</sup> Raha vao nanomboka ny fandaminana izy, dia nisy mpanompo iray nentina teo aminy izay nananany talenta iray alina. <sup>25</sup> Nefa satria tsy nanana fomba handoavana izany izy, dia nandidy ny hamarotana azy ny tompony, miaraka amin'ny vadiny sy ireo zanany ary izay hananany rehetra, ka ho vita ny fandoavan-trosa. <sup>26</sup> Noho izany dia niondrika ilay mpanompo, ary niankohoka teo anoloany, ary niteny hoe: 'Tampo, manàna faharetana amiko, dia haloako aminao ny zavatra rehetra.' <sup>27</sup> Noho izany ny tompon'izany mpanompo izany, dia onena, ka nanafaka azy ary namela ny trosa taminy. <sup>28</sup> Fa nivoaka io mpanompo io ka nahita ny iray tamin'ireo mpiara-manompo aminy, izay nananany dinaria zato. Nosamboriny izy, noraisiny tamin'ny tendany, ary niteny hoe: 'Aloavy amiko izay notrosainao.' <sup>29</sup> Nefa niondrika io mpiara-manompo aminy io ary nitalaho taminy, nanao hoe: 'Manàna faharetana amiko, dia haloako aminao indray.' <sup>30</sup> Kanefa nandà ilay mpanompo voalohany. Mifanohitra amin'izany, nandeha izy ary nataony tany am-pigadrana ilay mpiara-manompo aminy mandra-pahaloany aminy izay notrosainy. <sup>31</sup> Rehefa nahita izay niseho ireo mpiara-manompo aminy, dia nalahelo tokoa izy ireo. Nandeha ary nilaza tamin'ny tompony izay rehetra niseho izy ireo. <sup>32</sup> Avy eo niantso azy ny tompon'io mpanompo io, ary niteny azy hoe: 'Ianao ry mpanompo ratsy fanahy, namela ny trosa rehetra taminao aho satria ianao nitalaho tamiko. <sup>33</sup> Tsy tokony hanana famindram-po amin'ny mpiara-manompo aminao va ianao, toy ny nananako famindram-po taminao?' <sup>34</sup> Tezitra ny tompony ary nitondra azy tany amin'ireo mpampijaly mandra-pahaloany izay rehetra notrosainy. <sup>35</sup> Toy izany ihany koa no ho ataon'ny Raiko any an-danitra aminareo, raha tsy mamela ny rahalahiny amin'ny fony ny tsirairay avy aminareo."

## Footnotes

18:11 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia tsy ahitana ny fehezanteny izay miseho toy ny v. 11. hoe: "Fa ny Zanak'Olona dia tonga mba hamonjy izay very."

## Matthew 18:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay mitohy hatrany amin'ny 18:34, izay ampianaran'i Jesosy momba ny fiainana any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Eto, dia mampiasa ankizy kely iray i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany.

**Iza no lehibe indrindra**

"Iza no manan-danja indrindra" na "Iza amintsika no ho lehibe indrindra"

**any amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra" na "rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany ny Andriamanintsika"

**raha tsy miova ... tsy hisy hevitra ny hidiranareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Azo atao hoe DH: "Tsy maintsy miova ... mba hidiranareo"

**lasa toy ny ankizy kely**

Mampiasa fampitahana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianatra fa tsy tokony hiraharaha ny amin'izay lehibe indrindra izy ireo. Tokony ho liana kokoa ny amin'ny fanetre-tena tahaka ny zaza izy ireo.

**hidiranareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "hiditra any amin'ny fanjakan'Andriamanitra" na "an'Andriamanintsika any an-danitra rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany Izy"

## Matthew 18:4

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianatra i Jesosy fa mila manetry tena toy ny zaza izy ireo raha te ho lehibe ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**dia lehibe indrindra**

"no manan-danja indrindra" na "no ho lehibe indrindra"

**any amin'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "any amin'ny fanjakan'Andriamanitra" na "rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany ny Andriamanintsika any an-danitra"

**amin'ny anarako**

Eto ny hoe "anarako" dia maneho ilay olona manontolo. DH: "Nohon'ny amiko" na "satria mpianatro izy"

**mandray Ahy**

DH: "toy ny mandray Ahy izany" na "toy ny hoe mandray Ahy izy"

**dia ho tsara kokoa ho azy ny hiantonan'ny fikosoham-bary lehibe eo amin'ny vozony, ka halentika any amin'ny ranomasina lalina izy**

Azo atao hoe DH: "raha misy manantona fikosoham-bary lehibe eo amin'ny tendany ary manipy azy any amin'ny ranomasina lalina"

**fikosohom-bary**

Io dia vato lehibe, mavesatra, boribory izay ampiasaina hitotoana ny vary ho lasa koba. DH: "vato mavesatra"

## Matthew 18:7

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampiasa ankizy kely ihany i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany ary mampitandrina ny amin'ny voka-dratsin'ny fanafintohinana ireo ankizy mba hanota.

**izao tontolo izao**

Eto "izao tontolo izao" dia maneh ny olona. DH: "ny olon'izao tontolo izao"

**nohon'ny fotoanan'ny fanafintohinana**

Eto ny hoe "fanafintohinana" dia sarin-teny ilazana ny fahotana. DH: "noho ireo zavatra izay mahatonga ny olona hanota"

**ahatongavan'izany fotoana izany**

"hiavian'ireo zavatra izay mahatonga ny olona hanota"

**nefa loza ho an'ny olona izay niavian'izany fotoana izany**  
"izay olona rehetra mahatonga ny hafa hanota"

**Raha miteraka fanafintohina ho anao ny tananao na ny tongotrao, dia tapaho izany ary esory eo aminao**

Mampiasa filaza masaka i Jesosy mba hanindriana fa tena matotra Izy. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe tsy maintsy manao izay zavatra rehetra ilaina mba hanesorana izay mahatonga fahotana eo amin'ny fiainany ny olona iray.

**noho ny ho very any amin'ny afo tsy mety maty amin'ny fanana tanana roa na tongotra roa**

Azo atao heo DH: "toy izay manana tanana sy tongotra roa rehefa hatsipin'Andriamanitra any amin'ny afo maharitra mandrakizay ianao"

**Matthew 18:9****Raha miteraka fanafintohinana ho anao ny masonao iray, hongoty izany ary esory eo aminao**

Mampiasa filaza masaka i Jesosy mba hanindriana fa tena matotra Izy. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe tsy maintsy manao izay zavatra rehetra ilaina mba hanesorana izay mahatonga fahotana eo amin'ny fiainany ny olona iray.

**miteraka fanafintohinana ho anao**

Eto ny "fanafintohinana" dia sarin-teny ilazana ny fahotana. DH: "mahatonga anao hanota"

**anao ... aminao**

Manondro olon-tokana ireo teny ireo. Miresaka amin'ny olon-drehetra amin'ny ankapobeny i Jesosy. Mety ho tsotra amin'ny fiteninanao kokoa ny madika izany amin'ny teny fanondroana olona maro hoe "anareo."

**noho ny hoe very any amin'ny afo tsy mety maty miaraka amin'ny maso roa**

Azo atao hoe DH: "toy izay manana maso roa rehefa hatsipin'Andriamanitra any amin'ny afo maharitra mandrakizay"

**Matthew 18:10****Tandremo tsy**

"aoka mba tsy"

**hanao tsinotsinona ireo ankizy madinika ireo ianareo**

"hihevitra ireto zaza madinika ireto ho tsy misy lanjany." Azo atao hoe DH: "hanehoanareo fanajana amin'ireto zaza madinika ireto"

**Fa milaza aminareo Aho**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**fa any an-danitra ireo anjeliny dia mijery foana ny endriky ny Raiko izay any an-danitra**

Nampianarin'ireo mpampianatra Jiosy fa ny anjely lehibe indrindra ihany no afaka mankeo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe ny anjely lehibe indrindra aza miresaka amin'Andriamanitra momba ireo zaza madinika ireo.

**mijery foana ny endriky ny Raiko izay any an-danitra**

Io dia fomba fiteny izay midika fa eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra izy ireo. DH: "dia akaikin'ny Raiko hatrany" na "dia eo amin'ny fanatrehan'ny Raiko hatrany"

**Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**Matthew 18:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampiasa ankizy kely i Jesosy mba hampianarana ireo mpianatra, ary milaza fanoharana mba hanehoana ny fahian'Andriamanitra ny olona.

**Inona no eritreritrareo?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hisintonana ny sain'ireo olona. DH: "Hevero ny fanaon'ny olona"

**Raha misy ... zay tsy nankany amin'ny lalan-diso izy**

Mampiasa fanoharana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany.

**zato ... sivy amby sivifolo**

"100 ... 99"

**tsy handao ... nankany amin'ny lalan-diso?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampianarana ireo mpianany. DH: "handao ... nankany amin'ny lalan-diso foana izy"

**lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**tsy sitraky ny Rainareo any an-danitra ny hahavery ny iray amin'ireo madinika ireo**

Azo atao hoe DH: "Tian'ny Rainareo any an-danitra mba ho velona avokoa ireto madinika ireto"

**Rainareo**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra io.

**Matthew 18:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mampianatra ny amin'ny famelan-keloka sy fihavanana amin'ireo mpianatra i Jesosy.

**ny rahalahinao**

Maneho namana miara-mino an'Andriamanitra io, fa tsy rahalahy ara-nofo.

**hifankahazo amin'ny rahalahinao indray ianao**

"hihatsara indray ny fifandraisanao amin'ny rahalahinao"

**amin'izay mba amin'ny vavan'ireo vavolombelona roa na telo no ahafahana manamarina ny teny rehetra**

Eto ny "vava" sy ny "teny" dia maneho izay lazain'ny olona iray. Azo atao hoe DH: "mba hisy vavolombelona iray na roa afaka mamamarina fa marina izay lazainao momba ny rahalahy iray finoana aminao"

**amin'ny vavan'ireo vavolombelona roa na telo no ahafahana manamarina ny teny rehetra**

Milaza ny amin'ny iray amin'ireo lalàna izay nomen'i Mosesy ireo olona i Jesosy.

**Matthew 18:17****raha mandà ny hihaino azy ireo izy**

"raha tsy manaiky ny hihaino ireo vavolombelona izay niaraka taminao ny rahalahy iray finoana aminao"

**amin'ny fiangonana**

"ny vondron'ny mpino manontolo"

**avelao izy ho toy ny Jentilisa sy ny mpamory hetra**

"ento toy ny fitondranao ny Jentilisa na ny mpamory hetra izy." Ny hevitra fonosin'izany dia hoe tokony ho esorin'izy ireo hiala amin'ny vondron'ny mpino izy.

**Matthew 18:18****Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**fehezina ... voavela**

Azo adika hoe DH: "ho fehezin'Andriamanitra ... Ho vahan'Andriamanitra"

**lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**Raha misy roa aminareo**

Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia hoe: "raha misy farafahakeliny anankiroa aminareo" na "raha misy roa na mihoatra aminareo"

**izy ireo ... azy ireo**

Manondro ireo "roa aminareo" io. DH: "ianareo ... ianareo"

**Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**roa na telo**

Midika izany hoe "roa na mihoatra" na "roa farafahakeliny."

**miara-mivory**

"miangona"

**amin'ny Anarako**

Eto ny "anarana" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "nohon'ny amiko" na "satria mpianatro izy ireo"

**Matthew 18:21****im-pito**

"in-7"

**fitopolo im-pito**

Ireo mety ho dikany dia 1) "70 in-7" na 2) "in-77." Raha mampisavoritaka ny fampiasana isa, dia azonao adika hoe: "imbetsaka mihoatra izay azonao isaina" na "tsy maintsy mamela azy foana ianao."

**Matthew 18:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampiasa fanoharana i Jesosy mba hampianarana momba ny famelana sy ny fihavanana.

**ny fanjakan'ny lanitra dia mitovy amin'ny**

Ity no fampidirana ny fanoharana. Jereo ny fomba nandikanao ny fampidirana fanoharana mitovy amin'io ao amin'ny 13:24.

**hifandamina ara-bola miaraka amin'ireo mpanompony**

"mba hamerenan'ireo mpanompo ny vola nananany tamin'izy ireo"

**nisy mpanompo iray nentina teo**

Azo atao hoe DH: "nisy olona nitondra ny iray tamin'ireo mpanompon'ilay mpanjaka"

**talenta iray alina**

"talenta 10,000" na "vola betsaka mihoatra izay afaka naloan'ilay mpanompo"

**nandidy ny hamarotana azy ny tompony ... ka ho vita ny fandoavan-trosa**

Azo atao hoe DH: "nandidy ireo mpanompony ny hamarotana ilay lehilahy ilay mpanjaka ... ary handoa ilay trosa amin'ny vola azo tamin'ny varotra"

**Matthew 18:26****niondrika ilay mpanompo, ary niankohoka teo anoloany**

Mampiseho io fa nanatona ilay mpanjaka tamin'ny fomba faran'izay mietry indrindra araka izay azo atao izy.

**teo anoloany**  
"teo anatrehan'ily mpanjaka"

**onena**  
"nanana fangoraham-po tamin'ily mpanompo izy"

**nanafaka azy**  
"namela azy handeha"

### Matthew 18:28

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy milaza fanoharana amin'ireo mpianany i Jesosy.

**dinaria zato**  
"denaria 100" na "karama zato andro"

**Nosamboriny izy**  
"nisambotra ilay mpanompo namany ilay mpanompo voalohany"

**Nosamboriny**  
"notazoniny"

### Matthew 18:30

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy milaza fanoharana amin'ireo mpianany i Jesosy.

**nandeha izy ary nataony tany am-pigadrana**  
"nandeha ary nandefa ilay mpanompo namany tany am-ponja ilay mpanompo voalohany"

**mpiara-manompo aminy**  
"ireo mpanompo hafa"

**nilaza tamin'ny tompony**  
"nilaza tamin'ny mpanjaka"

### Matthew 18:32

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manohy milaza fanoharana amin'ireo mpianany i Jesosy.

**Avy eo niantso azy ny tompon'io mpanompo io**  
"Avy eo dia niantso ilay mpanompo voalohany ny mpanjaka"

**ianao nitalaho tamiko**  
"niangavy tamiko ianao"

**Tsy tokony hanana ... taminao?**  
Mampiasa fanontaniana ny mpanjaka mba hibesedana ilay mpanompo. DH: "Tokony nanana ... taminao!"

### Matthew 18:34

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mamarana ny fanoharana momba ny famelana sy fihavanana i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ity no faran'ny fizaran-tantara izay nanomboka tao amin'ny 18:1, izay nampianaran'i Jesosy momba ny fiainana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.

**ny tompony**  
"ny mpanjaka"

**nitondra azy tany amin'ireo**  
"nanolotra azy." Tsy ilay mpanjaka no nitondra ilay mpanompo tany amin'ny mpampijaly. DH: "nandidy ireo mpanompony mba hitondra azy"

**tany amin'ireo mpampijaly**  
"ireo izay hampijaly azy"

**izay rehetra notrosainy**  
Azo atao hoe DH: "izay nananan'ily mpanjaka tamin'ily mpanompo voalohany"

**ny Raiko any an-danitra**  
Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**aminareo ... aminareo**  
Miresaka amin'ireo mpianany i Jesosy, saingy mampianatra fahamarianana amin'ny ankapobeny izay mihatra amin'ny mpino rehetra io fanoharana io.

**ny rahalahiny**  
"ny rahalahinao"

**amin'ny fony**  
Fomba fiteny io. DH: "marina" na "tanteraka"

## Chapter 19

<sup>1</sup> Ary rehefa nahavita ireo teny ireo Jesosy, niala tany Galilia Izy, ary nankany amin'ny faritr'i Jodia izay tany andafin'ny reniranon'ny Jordana. <sup>2</sup> Vaohaka maro no nanaraka Azy, ka nanasitrana azy ireo tany Izy. <sup>3</sup> Nanatona Azy ireo fariseo, nitsapa Azy, niteny taminy hoe: "Ara-dalàna ho an'ny lehilahy va ny misaraka amin'ny vadiny noho izay mety ho antony rehetra?" <sup>4</sup> Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy novakianareo va fa Izy izay nanao azy ireo tamin'ny voalohany dia nanao azy ireo ho lahy sy vavy?" <sup>5</sup> Izy Izay nanao azy ireo dia niteny ihany koa hoe: "Fa noho izany antony izany dia handao ny rainy sy reniny ny lehilahy ka hikambana amin'ny vadiny, ary ho lasa nofo iray izy roa?" <sup>6</sup> Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray. Ka izay natambatr' Andriamanitra, aoka tsy hisy hanasaraka." <sup>7</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Nahoana izany Mosesy no mandidy anay hanome taratasy fanamarinam-pisarahana ary avy eo hampody azy?" <sup>8</sup> Hoy Izy tamin'ireo hoe: "Fa ny hamafisam-ponareo no namelan'i Mosesy anareo hisaraka amin'ny vadinareo, fa tamin'ny voalohany dia tsy izany no fomba." <sup>9</sup> Lazaiko anareo, na iza na iza misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nohon'ny fijangajangana, ka manambady hafa, dia manitsakitsa-bady; ary ny lehilahy manambady vehivavy izay efa nisara-bady dia mijangajanga." <sup>10</sup> Ireo mpianatra niteny tamin'i Jesosy hoe: "Raha izany no toetran'ny lehilahy amin'ny vadiny, dia tsy tsara ny manambady." <sup>11</sup> Fa Jesosy niteny tamin'ireo hoe: "Tsy ny olona rehetra no afaka manaiky izany fampianarana izany, fa ireo izay navela hanaiky izany ihany. <sup>12</sup> Fa misy ireo ionoka izay efa toy izany hatrany an-kibon-drenin'izy ireo, ary misy ireo ionoka izay nataon'olombelona, ary misy ireo ionoka izay manao ny tenan'izy ireo ho ionoka nohon'ny fanjakan'ny lanitra. Izy izay afaka mandray izany fampianarana izany, aoka izy handray izany." <sup>13</sup> Avy eo nisy ankizy madinika sasantsasany noentina teo aminy mba hametrahany tanana amin'izy ireo ka hivavaka, fa niteny mafy azy ireo ireo mpianatra. <sup>14</sup> Fa hoy Jesosy hoe: "Avelao ny ankizy madinika, ary aza raràna izy ireo hanatona Ahy, satria ny fanjakan'ny lanitra dia an'ny toy azy ireo." <sup>15</sup> Napetrany teo amin'ireo ankizy ny tanany, ary avy eo niala teo Izy. <sup>16</sup> Indro, nisy lehilahy nanatona an'i Jesosy ary niteny hoe: "Mpampianatra, Inona no zavatra tsara tsy maintsy ataoko mba hahazoako ny fiainana mandrakizay?" <sup>17</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Nahoana ianao no manontany momba izay tsara aty amiko? Iray ihany no tsara, fa raha te-hididitra any amin'ny fiainana ianao, dia tandremo ireo didy." <sup>18</sup> Hoy ilay lehilahy taminy hoe: "Didy inona?" Dia hoy Jesosy hoe: "Aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mety vavolombelona diso, <sup>19</sup> hajao ny rainao sy ny reninao, ary tiavo ny mpiara-belona aminao tahaka ny tenanao." <sup>20</sup> Ilay zatovo niteny taminy hoe: "Efa nankatoaviko avoko izany rehetra izany. Inona no mbola ilaiko?" <sup>21</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Raha maniry ny ho tonga lafatra ianao, dia mandehana, amidio izay anananao, ary omeo ny mahantra, ka hanana harena any an-danitra ianao; ary avia, manaraha Ahy." <sup>22</sup> Fa rehefa nandre izay nolazain'i Jesosy ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana betsaka. <sup>23</sup> Hoy Jesosy tamin'ireo mpianatra hoe: "Lazaiko marina aminareo, sarotra ho an'ny mpanakarena ny hiditra ny fanjakan'ny lanitra. <sup>24</sup> Ary mbola lazaiko aminareo indray, mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vodim-panjaitra noho ny idiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>25</sup> Rehefa nandre izany ireo mpianatra, dia tena talanjona tokoa ka niteny hoe: "Iza ary izany no afaka ho vonjena?" <sup>26</sup> Nijery azy ireo Jesosy ary niteny hoe: "Amin'ny olona dia tsy hay atao izany, fa amin'Andriamanitra ny zava-drehetra dia azo atao." <sup>27</sup> Avy eo Petera namaly ary niteny hoe: "Indro, navelanay ny zava-drehetra ary nanaraka Anao izahay. Inona ary no ho azonay?" <sup>28</sup> Jesosy niteny azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, amin'ny vanim-potoana vaovao rehefa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'Olona, dia hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo ihany koa ianareo izay nanaraka Ahy, hitsara ireo foko roa ambin'ny folon'Israely. <sup>29</sup> Ny olona rehetra izay nandao trano, rahalahy, anabavy, ray, reny, zanaka, na tany nohon'ny anarako, dia handray avo zato heny ary handova fiainana mandrakizay. <sup>30</sup> Fa maro ireo izay voalohany ho lasa farany, ary ny farany ho voalohany.

### Matthew 19:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay mitohy hatrany amin'ny 22:45, ary mitantara an'i Jesosy nanao asa fanompoana tany Jodia.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ireo andininy ireo dia manome fampahafantarana fohifohy ny amin'ny nahatonga an'i Jesosy ho ao Jodia.



**Ary**

Io teny io dia mamadika ny tantaran'ny fampianaran'i Jesosy mankany amin'izay nitranga taorian'izany. DH: "Avy eo" na "Taorian'izany"

**nahavita ireo teny ireo Jesosy**

Eto ny "teny" dia maneho izay nampianarin'i Jesosy nanomboka tao amin'ny 18:1. DH: "rehefa avy nampianatra"

**niala tany**

"nandeha nanalavitra an'i" na "nandao"

**Matthew 19:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mampianatra momba ny fanambadiana sy ny fisaraham-bady i Jesosy.

**Nanatona Azy**

"nankeo amin'i Jesosy"

**nitsapa Azy, niteny taminy hoe**

Eto ny hoe "nitsapa" dia ampiasaina amin'ny endrika ratsy. DH: "ary nihantsy Azy tamin'ny nanontaniany Azy hoe" na "ary te hamandrika Azy tamin'ny nanontaniany Azy hoe"

**Tsy novakianareo va fa Izy izay nanao azy ireo tamin'ny voalohany dia nanao azy ireo ho lahy sy vavy?**  
Mamoisa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ireo Fariseo. DH: "Efa voavakinareo tokoa fa tamin'ny voalohany, rehefa nanamboatra olona Andriamanitra, dia nataony lahy sy vavy izany"

**Matthew 19:5****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 5, dia maka ny teny avy ao amin'ny Genesisy i Jesosy mba hampisehoana fa ny mpivady dia tsy tokony hisaraka.

**Izy Izay nanao azy ireo dia niteny ihany koa hoe: 'Fa noho izany antony ... nofo iray izy roa?'**

Tohin'ilay fanontaniana izay nampiasain'i Jesosy mba hamaliana ireo Fariseo ao amin'ny 19:3 io. Azo atao tsy mivantana io teny mivantana io. DH: "Ary fantatrareo tokoa fa Andriamanitra dia nilaza fa izany no antony ... nofo iray ihany izy roa"

**noho izany antony**

Ampahany amin'ilay teny nalaina avy ao amin'ny Genesisy momba an'i Adama sy Eva io. Eto amin'ity foto-kevitra, ny antony handaozan'ny lehilahy ny rainy sy ny reniny dia satria noharian'Andriamanitra ho vadin'ny lehilahy ny vehivavy.

**hikambana amin'ny vadiny**

"hitoetra akaikin'ny vadiny" na "hira-hitoetra amin'ny vadiny"

**ary ho lasa nofo iray izy roa**

Io dia sarin-teny izay manamafy ny fikambanan'ny mpivady lahy sy vavy. DH: "ary ho lasa toy ny olona iray ihany izy ireo"

**Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray**

Io dia sarin-teny izay manamafy ny fikambanan'ny mpivady lahy sy vavy. DH: "Koa ny lahy sy ny vavy dia tsy tahaka ny olona roa intsony, fa tahaka ny olona iray ihany izy ireo"

**Matthew 19:7****Hoy izy ireo taminy**

"Hoy ireo Fariseo tamin'i Jesosy"

**mandidy anay**

"mandidy anay Jiosy"

**taratasy fanamarinam-pisarahana**

Taratasy izay manapitra ara-dalàna ny fanambadiana.

**Fa ny hamafisam-ponareo**

Ny teny hoe "hamafisam-po" dia fomba fiteny izay midika hoe "mafy loha." DH: "Satria mafy loha ianareo"

**ny hamafisam-ponareo ... namelan'i ... vadinareo**

Miresaka amin'ireo Fariseo i Jesosy, fa efa nomen'i Mosesy ny razamben'izy ireo taloha teo io didy io. Ny didin'i Mosesy dia nihatra tamin'ireo lehilahy Jiosy rehetra.

**tamin'ny voalohany**

Eto ny "voalohany" dia maneho ny fotoana namoronan'Andriamanitra ny lehilahy sy ny vehivavy voalohany.

**Lazaiko anareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ka manambady hafa**

Azonao azavaina kokoa ny hevitra izay efa voaray. DH: "ary manambady vehivavy hafa"

**ary ny lehilahy manambady vehivavy izay efa nisara-bady dia mijangajanga**

Misy dikan-teny maro tsy mampiditra ireo teny ireo.

**Matthew 19:10****ireo izay navela**

Azo atao hoe DH: "Izy navelan'Andriamanitra" na "izay nataon'Andriamanitra afaka"

**Fa misy ireo ionoka izay efa toy izany hatrany an-kibon-drenin'izy ireo**

Azonao azavaina kokoa io. DH: "Fa misy antony maro tsy hanambadian'ny lehilahy. Misy ohatra, lehilahy izy teraka ionoka"

**ary misy ireo ionoka izay nataon'olombelona**

Azo atao hoe DH: "Misy lehilahy ixay nataon'ny olon-kafa ho ionoka"

**ireo ionoka izay manao ny tenan'izy ireo ho ionoka**

Ireo mety ho heviny dia 1) "Lehilahy izay nanao ny tenany ho ionoka tamin'ny nanapahany ny fitaovam-pananahany" na 2) "lehilahy izay misafidy ny hijanona ho mpitovo ary madio."

**nohon'ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "mba hahafahan'izy ireo manompo an'Andriamanitsika izy any an-danitra tsara kokoa"

**mandray izany fampianarana izany ... handray izany**

"manaiky izany fampianarana izany ... hanaiky izany"

**Matthew 19:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mandray sy mitso-drano ireo ankizy kely i Jesosy.

**nisy ankizy madinika sasantsasany noentina teo aminy**

Azo atao hoe DH: "Nisy olona sasantsasany nitondra ankizy kely teo amin'i Jesosy"

**aza raràna izy ireo hanatona Ahy**

"aza sakanana tsy hanatona Ahy izy ireo"

**satria ny fanjakan'ny lanitra dia an'ny toy azy ireo**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "fa rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany ny Andriamanintsika izay any an-danitra, dia ho mpanjakan'ny toa an'ireto Izy" na "fa ho avelan'Andriamanitra hiditra ao amin'ny fanjakanay izay toa an'ireto"

**an'ny toy azy ireo**

"an'ireo izay tahaka ny ankizy kely." Io dia fampitahana izay midika fa ireo izay manetry tena toy ny ankizy kely dia hiditra ny fanjakan'Andriamanitra.

**Matthew 19:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto dia mivadika mankany amin'ny fotoana izay nanazavan'i Jesosy tamina lehilahy mpanan-karena iray ny vidin'ny fanarahan-dia Azy ny tantara.

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika fa misy olom-baovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

**zavatra tsara**

Zavatra iray izay ankasitrahan'Andriamanitra no dikan'io.

**Nahoana ianao no manontany momba izay tsara aty amiko?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hamaliana ilay lehilahy. DH: "Tsy tokony hanontany amiko momba izay tsara ianao"

**Iray ihany no tsara**

'Andriamanitra ihany no tsara tanteraka"

**te-hiditra any amin'ny fiainana**

"hahazo fiainana mandrakizay"

**Matthew 19:18****tiavo ny mpiara-belona aminao**

Ireo vahoaka Jiosy dia nino fa ireo izay Jiosy ihany no naman'izy ireo. Ho hitarin'i Jesosy ny famaritana izany mba hampidirana ny olona rehetra.

**Matthew 19:20****Raha maniry**

"Raha tianao"

**ny mahantra**

Ity mpamaritra anarana ity dia azo avadika ho mpamari-toetra. DH: "ireo izay mahantra"

**hanana harena any an-danitra ianao**

Ny fehezanteny hoe "harena any an-danitra" dia sarin-teny izay ilazana ny valisoa any an-danitra. DH: "Andriamanitra no hamaly soa anareo any an-danitra"

**Matthew 19:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava amin'ireo mpianany i Jesosy, ny amin'ny valisoa azo avy amin'ny fahafoizana ny fananana ara-materialy mba hanarahan-dia an'i Jesosy.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ny hiditra ny fanjakan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "ny hanaiky an'Andriamanintsika any an-danitra ho mpanjakan'izy ireo" na "ny hiditra ny fanjakan'ny lanitra"

**mora kokoa ... fanjakan'Andriamanitra**

Mampiasa filaza-masaka i Jesosy mba hanindriana fa tena sarotra ho an'ny mpanan-karena ny hiditra ny fanjakan'Andriamanitra.

**vodim-panjaitra**

Lavaka eo amin'ny vodim'ny fanjaitra mba hampidirana kofehy.

**Matthew 19:25****talanjona tokoa**

"gaga ireo mpianatra." Ny hevitra fonosin'izany dia hoe talanjona izy ireo satria nino izy ireo fa ny fananana harena no porofo fa manaiky ny olona iray Andriamanitra.

**Iza ary izany no afaka ho vonjena?**

Mampiasa fanontaniana ireo mpianatra mba hanamafisana ny fahatairan'izy ireo. Azo atao hoe DH: "Dia tsy hisy ho vonjen'Andriamanitra izany!" na "Dia tsy hisy hahazo ny fiainana mandrakizay izany!"

**navelanay ny zava-drehetra**

"navelanay ny harenanay rehetra" na "nafoinay ny fanananay rehetra"

**Inona ary no ho azonay?**

"Inona no zava-tsoa homen'Andriamanitra anay?"

**Matthew 19:28****Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**vanim-potoana vaovao**

"amin'ny andro vaovao." Maneho ny fotoana hamerenan'Andriamanitra amin'ny laoniny ny zavatra rehetra io. DH: "amin'ny fotoana izay hanavaozan'Andriamanitra ny zavatra rehetra"

**Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**seza fiandrianan'ny voninahiny**

Ny fipetrahana eo amin'ny seza fiandrianana dia midika fanapahana toy ny mpanjaka. Ny seza fiandrianany izay be voninahitra dia midika fa be voninahitra koa ny fanapahany. DH: "mipetraka toy ny mpanjaka eo amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny" na "manapaka amim-boninahitra toy ny mpanjaka"

**hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo**

Eto ny "seza fiandriananana" dia ilazana ny fanapahana amin'ny maha-mpanjaka. Tsy hitovy amin'i Jesosy izay ho eo amin'ny seza fiandrianana ihany koa akory ireo mpianatra. Handray fahefana avy Aminy izy ireo. DH: "hipetraka toy ny mpanjaka eo amin'ny seza fiandrianana 12"

**hitsara ireo foko roa ambin'ny folon'Israely**

Eto ireo "foko" dia manondro ireo olona avy amin'ireo foko ireo. DH: "ireo olon'ny foko 12-n'Israely"

**Matthew 19:29****nohon'ny anarako**

Eto ny "anarana" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "nohon'ny amiko" na "satria mino Ahy izy"

**handray avo zato heny**

"handray zava-tsoa in-100 mihotara ireo izay nafoin'izy ireo.

**handova fiainana mandrakizay**

Io dia fomba fiteny izay midika hoe "Ho tahian'Andriamanitra amin'ny fiainana mandrakizay izy ireo" na "hataon'Andriamanitra ho velona mandrakizay izy ireo."

**Fa maro ireo izay voalohany ho lasa farany, ary ny farany ho voalohany**

Mampitaha izao vanin'ando ankehitriny izao amin'ny vanin'andro ho avy i Jesosy. Ireo izay lehibe ankehitriny, dia ho raisin'Andriamanitra ho tsy misy dikany rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany Izy. Ireo izay toa tsy manan-danja ankehitriny, dia ho raisin'Andriamanitra ho toy ny lehibe rehefa mametraka ny fanjakany Izy.



## Chapter 20

<sup>1</sup> Fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny tompon-tany izay nandeha vao maraina be hanakarama mpiasa ho an'ny tanim-boalobony. <sup>2</sup> Rehefa avy nifanaraka tamin'ireo mpiasa izy fa ho denaria iray isan'andro ny karaman'izy ireo, dia nalefany tany amin'ny tanim-boalobony izy ireo. <sup>3</sup> Nivoaka indray izy tamin'ny ora fahatelo ary nahita mpiasa hafa nijorojoro tao an-tsena. <sup>4</sup> Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Ianareo koa, mandehana any amin'ny tanim-boaloboka, ary izay an-kevin'ny marina dia homeko anareo.' Ka nandeha niasa izy ireo. <sup>5</sup> Mbola nivoaka indray izy teo ho eo amin'ny ora fahenina ary koa tamin'ny ora fahasivy, ary nanao toy izany ihany. <sup>6</sup> Tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo dia nivoaka indray mandeha koa izy ary nahita mpiasa hafa nijorojoro. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Nahoana ianareo no mijoro eto mandritry ny tontolo andro?' <sup>7</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: 'Tsy misy olona manakarama izahay.' Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Ianareo ihany koa mandehana any amin'ny tanim-boaloboka.' <sup>8</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia niteny tamin'ny mpitandrin-draharahany ny tompom'ilay tanim-boaloboka hoe: 'Antsoy ireo mpiasa ary haloavy ny karaman'izy ireo, manomboka avy any amin'ny farany mankany amin'ny voalohany.' <sup>9</sup> Rehefa tonga ireo mpiasa izay nalaina tamin'ny ora fahiraika ambiny folo, dia nahazo denaria iray tsirairay avy izy ireo. <sup>10</sup> Rehefa tonga ireo mpiasa voalohany, dia nihevitra fa ahazo mihoatra izy ireo, kanefa izy reo ihany koa dia nahazo dinaria iray tsirairay avy. <sup>11</sup> Rehefa nahavoaray ny karamany izy ireo, dia nitaraina momba ilay tompon-tany izy ireo. <sup>12</sup> Hoy izy ireo hoe: 'Ireo mpiasa farany ireo dia niasa adin'iray fotsiny, nefa dia nampitovianao taminay izy ireo, izahay izay nisaka ny vesatry ny tontolo andro sy niharitra hain'andro.' <sup>13</sup> Fa namaly ilay tompon-tany ka niteny tamin'ny iray tamin'izy ireo hoe: 'Ry sakaiza, tsy manao izay tsy mety aminao aho. Tsy denaria iray va no nifanarahanao tamiko?' <sup>14</sup> Raiso izay anao ary zory ny lalanao. Izaho dia nifidy ny hanome ho an'ireo mpiasa nokaramaina farany tahaka ny anao ihany. <sup>15</sup> Tsy manan-jo hanao araka izay tiako amin'izay ahy ve aho? Sa mialona ve ianareo satria malala-tanana aho?' <sup>16</sup> Ka ny farany dia ho voalohany, ary ny voalohany ho farany." <sup>[1]</sup><sup>17</sup> Raha hiainga ho any Jerosalema Jesosy, dia naka ireo roa ambin'ny folo teo anilany Izy, ary teny an-dalana Izy niteny tamin'izy ireo hoe: <sup>18</sup> "Indro, hiakatra ho any Jerosalema isika, ary ny Zanak'Olonà dia hatolotra eo amin'ny lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna. Izy ireo dia hanameloka Azy ho faty <sup>19</sup> ary hanolotra Azy amin'ireo Jentilisa mba hiomehezana, ho kapohina, ary hanombohana Azy amin'ny hazofijaliana. Fa amin'ny andro fahatelo dia hatsangana indray Izy." <sup>20</sup> Avy eo ny renin'ireo zanaka lahin'i Zebedio nanatona an'i Jesosy niaraka tamin'ireo zanany lahy. Niankohoka teo anatrehan'izy ary nangataka zavatra avy Aminy. <sup>21</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Inona no irinao?" Hoy izy taminy hoe: "Mandidia mba hipetrahan'ireto zanako roa lahy ireto, ny iray eo an-tananao ankavana ary ny iray eo an-tananao ankavia, ao amin'ny fanjakan'ao." <sup>22</sup> Fa Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy fantatrareo ny zavatra angatahinareo. Afaka ny hisotro ny kapoaka izay ho sotroiko va ianareo?" Namaly izy ireo hoe: "Afaka izahay." <sup>23</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Hisotro ny kapoakako tokoa ianareo. Fa ny hipetraka eo an-tanako ankavanako sy ankaviako dia tsy anjarako no manome, fa an'ireo izay efa nomanin'ny Raiko." <sup>24</sup> Rehefa nandre izany ireo mpianatra folo lahy hafa, dia tezitra mafy tamin'ireo mpirahalany roa. <sup>25</sup> Fa Jesosy niantso azy ireo hankeo aminy ary niteny hoe: "Fantatrareo fa ireo mpanapak'ireo Jentilisa dia hangeja azy ireo, ary ireo lehilahy manan-danja'izy ireo dia hampiatra ny fahefany eo amin'izy ireo. <sup>26</sup> Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo. Mifanohitra amin'izany, na iza na iza maniry ny ho lasa lehibe aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo, <sup>27</sup> ary na iza na iza maniry ny ho voalohany eo aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo, <sup>28</sup> tahaka ny Zanak'Olonà tsy tonga ho tompoina, fa hanompo, ary hanome ny ainy mba ho vidim-panavotana ho an'ny maro." <sup>29</sup> Raha nivoaka avy any Jeriko izy ireo, dia vahoaka maro no nanaraka Azy. <sup>30</sup> Nisy lehilahy jamba roa nipetraka teo amoron-dalana. Rehefa nandre fa nandalo Jesosy, dia nihiaka mafy izy ireo hoe: "Tampo, zanak'i Davida, mamindrà fo aminay". <sup>31</sup> Nibedy azy ireo ny vahoaka, niteny azy ireo mba hangina, kanefa vao mainka izy ireo niantsoantso mafy hoe: "Tampo, zanak'i Davida, mamindrà fo aminay." <sup>32</sup> Avy eo Jesosy nijanona ary niantso azy ireo sady niteny hoe: "Inona no irinareo ho ataoko aminareo?" <sup>33</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Tampo, mba hahiratra ny masonay" <sup>34</sup> Avy eo Jesosy, nangoraka, ka nikitika ny mason'izy ireo. Avy hatrany dia nahiratra izy ireo ary nanaraka Azy.

### Footnotes

20:16 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Maro no nantsoina fa vitsy ny voafidy."

**Matthew 20:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza fanoharana momba ny tompo-tany iray izay nanakarama mpiasa, i Jesosy mba hanehoana ny fomba hanomezana Andriamanitra valisoa ireo izay an'ny fanjakan'ny lanitra.

**Fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka**

Io no fiantombohan'ny fanoharana. Jereo ny fomba nandikanana ny fampidirana fanoharana ao amin'ny 13:24.

**Rehefa avy nifanaraka**

"Rehefa avy nifanaraka ... ilay tompo-tany"

**denaria iray**

"karama iray andro"

**nalefany tany amin'ny tanim-boalobony izy ireo**

"nalefany niasa tany amin'ny tanim-boalobony izy ireo"

**Matthew 20:3****Fampifandraisan ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**Nivoaka indray izy**

"Nivoaka indray ilay tompo-tany"

**ora fahatelo**

Manodidina ny amin'ny sivy maraina eo ho eo ny ora fahatelo.

**nijorojoro tao an-tsena**

"nijorojoro tsy nanao na inona na inona tao an-tsena" na "Nijorojoro tsy nanana asa hatao tao an-tsena"

**tsena**

Toerana lehibe, eny ankalamanjana izay hividiana'ny olona sy hivarotan'ny olona sakafo sy zavatra hafa.

**Matthew 20:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**Mbola nivoaka indray izy**

"Mbola nivoaka indray ilay tompo-tany"

**ora fahenina ary koa tamin'ny ora fahasivy**

Manodidina ny mitatao vovonana eo ho eo ny ora fahatelo. Ny ora fahasivy dia manodidina ny amin'ny telo ora tolakandro.

**nanao toy izany ihany**

Midika izany fa nandeha teny an-tsena ilay tompo-tany ary nanakarama mpiasa.

**faha iraika ambin'ny folo**

Manodidina ny amin'ny dimy ora hariva eo ho eo izany.

**nijorojoro**

"tsy nanao na inona na inona" na "tsy nanana asa"

**Matthew 20:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**manomboka avy any amin'ny farany mankany amin'ny voalohany**

Azonao atao mazava kokoa ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "atombohy amin'ireo mpiasa nalaiko farany, avy eo dia omeo karama ireo mpiasa nalaiko voalohany"

**izay nalaina**

Azo atao hoe DH: "izy nokaramain'ilay tompo-tany"

**denaria iray**

"karama iray andro"

**Matthew 20:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**Rehefa nahavoaray**

"Rehefa nandray ... ireo mpiasa izay niasa ela indrindra"

**tompon-tany**

"ilay tompo-tany ny tanim-boaloboka"

**nampitovianao taminay izy ireo**

"nomenao karama mitovy amin'ny habetsaky ny vola nomenao anay izy ireo"

**izahay izay nizaka ny vesatry ny tontolo andro**

Ny fehezanteny hoe "nizaka ny vesatry ny tontolo andro" dia fomba fiteny izay midika fa niasa mafy nodanihin'ny hain'andro nandritra ny andro tontolo izy ireo.

**Matthew 20:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**ny iray tamin'izy ireo**

"iray tamin'ireo mpiasa izay niasa ela indrindra"

**Ry sakaiza**

Mampiasa teny izay mety ho ampiasain'ny olona iray rehefa mibedy olona am-panajana izy.

**Tsy denaria iray va no nifanarahanao tamiko?**

Mampiasa fanontaniana ilay tompon-tany mba hibedesana ireo mpiasa izay nitaraina. DH: "Efa nifanaraka isika fa homeko denaria iray ianareo"

**denaria iray**

"karama iray andro"

**Matthew 20:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny fanoharana momba ilay tompon-tany nanakarama mpiasa i Jesosy.

**Tsy manan-jo hanao araka izay tiako amin'izay ahy ve aho?**

Mampiasa fanontaniana ilay tompon-tany mba hibedesana ireo mpiasa izay nitaraina. DH: "Afaka manao izay tiako amin'ny fananako manokana aho"

**Sa mialona ve ianareo satria malala-tanana aho?**

Mampiasa fanontaniana ilay tompon-tany mba hibedesana ireo mpiasa izay nitaraina. DH: "Aza mialona hoe malala-tanana amin'ny olona hafa aho"

**Ka ny farany dia ho voalohany, ary ny voalohany ho farany**

Mampitaha izao vanin'ando ankehitriny izao amin'ny vanin'andro ho avy i Jesosy. Ireo izay lehibe ankehitriny, dia ho raisin'Andriamanitra ho tsy misy dikany rehefa mametraka ny fanjakany eto an-tany Izy. Ireo izay toa tsy manan-danja ankehitriny, dia ho raisin'Andriamanitra ho toy ny lehibe rehefa mametraka ny fanjakany Izy. Jereo ny fomba nandikanao ny teny mitovy amin'izay ao amin'ny 19:29.

**Ka ny farany dia ho voalohany**

Eto dia efa tapitra ilay fanoharana ary miresaka i Jesosy. DH: "Avy eo Jesosy niteny hoe: 'koa ny farany ho voalohany'"

**Matthew 20:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nilaza mialoha ny fahafatesany sy ny fitsanganany amin'ny maty fanintelony i Jesosy raha iny nandeha ho any Jerosalema iny Izy sy ireo mpianany.

**hiainga ho any Jerosalema**

Teny an-tampon-kavoana i Jerosalema ka nila niaka-piakarana ny olona mba vao tonga teny.

**Indro, hiakatra ho any**

Mampiasa ny teny hoe "indro" i Jesosy mba hilazana amin'ireo mpianatra fa mily mitandrina tsara izay holazainy izy ireo.

**ny Zanak'Olona dia hatolotra**

Azo adika hoe DH: "hisy olona hanolotra ny Zanak'Olona"

**Zanak'Olona ... Azy ... Azy**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. Raha ilaina, dia azonao adika hoe "izaho" io.

**Izy ireo dia hanameloka ... mba hiomehezana**

Hanameloka sy hanolotra Azy eo amin'ireo Jentilisa ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalana, ary ireo Jentilisa hiomehy Azy.

**ho kapohina**

"hikapoka Azy amin'ny karavasy"

**hatsangana indray Izy**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra hanangana Azy"

**Matthew 20:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ho valin'ilay fanontaniana izay napetraky ny renin'ireo mpianatra anankiroa, dia nampianatra ireo mpianatra momba ny fahefana sy ny fanompoana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra i Jesosy.

**zanaka lahin'i Zebedio**

Manondro an'i Jakoba sy Jaona ireo.

**eo an-tananao ankavana ... eo an-tananao ankavia**

Ilazana ny fananana toerana, pahefana na fananan-kaja izany.

**ao amin'ny fanjakanao**

Eto ny "fanjakana" dia ilazana an'i Jesosy manapaka amin'ny maha-mpanjaka Azy. DH: "Rehefa tonga mpanjaka Ianao"

**Matthew 20:22****Tsy fantatrareo**

Manondro ireo zanaka lahy anankiroa sy ny renin'izy ireo io.

**Afaka ... ianareo**

Miresaka amin'ireo zanaka lahy anankiroa fotsiny i Jesosy.

**hisotro ny kapoaka izay ho sotroiko va ianareo**

Io dia fomba fiteny izay midika heo miaina fahoriana. DH: "miana ny fijaliana izay hiainako"

**Namaly izy ireo**

"Namaly ieo zanak'i Zebedio" na "Hoy i Jakoba sy Jaona hoe"

**Hisotro ny kapoakako tokoa ianareo**

Io dia fomba fiteny izay midika heo miaina fijaliana. DH: "Hijaly toy ny hijaliako tokoa ianareo"

**an-tanako ankavanako ... ankaviako**

Ilazana ny fananana toerana, fahefana, ary fananan-kaja io. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 20:20.

**an'ireo izay efa nomanin'ny Raiko**

Azo adika hoe DH: "nomanin'ny Raiko ireo toerana ireo, ary homeny ho an'ireo izay nofidiany ireo"

**ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**nandre izany**

"nandre izay nangatahan'i Jakoba sy Jaona tamin'i Jesosy"

**tezitra mafy tamin'ireo mpirahalalahy roa**

Raha ilaina, dia azonao atao mazava kokoa hoe nahoana no tezitra ireo mpianatra folo. DH: "tezitra tamin'ireo mpirahalalahy anankiroa izy ireo satria samy te hipetraka eo amin'ny toeram-boninahitra eo akaikin'i Jesosy avy ny tsirairay tamin'izy ireo"

**Matthew 20:25****Fampidandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny fampianarana ireo mpianany momba ny fahefana sy ny fanompoana ny hafa i Jesosy.

**niantso azy ireo**

"niantso ireo mpianatra roa amibin'ny folo lahy"

**ireo mpanapak'ireo Jentilisa dia hangeja azy ireo**

"ireo mpajaka Jentilisa dia manjaka an-keriny eo amin'ny olon'izy ireo"

**reo lehilahy manan-danja'izy ireo**

"Ireo olona manan-danja eo amin'ireo Jentilisa"

**hampiatra ny fahefany eo amin'izy ireo**

"hifehy ireo vahoaka"

**na iza na iza maniry**

"na iza na iza te"

**ny ho voalohany**

"ny ho lehibe"

**ny Zanak'Olona ... ny ainy**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. Raha ilaina, dia azonao adika hoe "izaho" io.

**tsy tonga ho tompoina**

Azo adika hoe DH: "tsy tonga mba hanompoan'ny olona Azy" na "tsy tonga mba hanompoan'olona hafa Ahy"

**fa hanompo**

Azonao atao mazava kokoa ity hevitra izay efa voaray ity. DH: "fa hanompo ny olona hafa"

**hanome ny ainy**

Fomba fiteny io. DH: "ho faty"

**mba ho vidim-panavotana**

Eto ny "vidim-panavotana" dia toy ny honitra hanafahana olona iray amin'ny figadrana na fanandevozana. Io dia sarin-teny ilazana an'i Jesosy mamony ny olona amin'ny famaizan'Andriamanitra azy ireo nohon'ny fahotan'izy ireo.

**ho an'ny maro**

Azonao atao mazava kokoa ity hevitra izay efa voaray ity. DH: "ho an'ny olona maro"

**Matthew 20:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'i Jesosy nanasitrana lehilahy jamba anankiroa.

**Raha nivoaka ... izy ireo**

Manondro ireo mpianatra sy Jesosy ireo.

**nanaraka Azy**

"nanaraka an'i Jesosy"

**Nisy lehilahy jamba roa nipetraka**

Indraindray io dia adika hoe "Indro, nisy lehilahy jamba anankiroa nipetraka." Manaitra ny saintsika ny mpanoratra fa misy olona vaovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba hanaovana izany.

**rehefa nandre**

"Rehefa nandre ireo lehilahy jamba anankiroa fa"

**nandalo**

"nandalo teo amin'izy ireo"

**Zanak'i Davida**

Tsy tena zanak'i Davida ara-bakiteny akory i Jesosy, koa azo adika hoe "Taranak'i Davida Mpanjaka" io. Na izany aza, ny hoe "Zanak'i Davida" dia fiantsoana ilazana ny Mesia ihany koa, ka mety niantso an'i Jesosy araka izany fiantsoana izany ireo lehilahy ireo.

**Matthew 20:32****niantso azy ireo**

"niantso ireo lehilahy jamba"

**irinareo**

"tianareo"

**ahiratra ny masonay**

Ny teny hoe "Hahiratra ny masonay" fomba fiteny izay midika hoe afaka mahita indray. Azo adika hoe DH: "tianay Ianao mba hampahita anay indray" na "te hahita indray izahay"

**nangoraka**

"nahatsapa fangorahana"



## Chapter 21

<sup>1</sup> Raha nanantona an'i Jerosalema Jesosy sy ny mpianany ka nankao Betifaga, any an-tendrombohitry'i Oliva, dia nandefa mpianatra anankiroa Jesosy, <sup>2</sup> nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana ao amin'izay vohitra manaraka ao, fa eo no eo ianareo dia hahita boriky mifatotra ary zana-boriky iray miaraka aminy. Vahao izy ireo ary hoento aty amiko. <sup>3</sup> Raha misy miteny anareo momba izany, dia lazao hoe: 'Misy ilan'ny Tompo azy ireo,' ary eo no eo izany olona izany dia handefa azy ireo miaraka aminareo." <sup>4</sup> Ary nitranga izany mba hahatanteraka izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany. Hoy Izy hoe: <sup>5</sup> "Ilazao ny zanaka vavin'i Ziona hoe: 'Indro, ny Mpanjakan'ao manatona anao, Manetry tena ary mitaingina boriky- zana-boriky lahy.'" <sup>6</sup> Avy teo dia lasa ireo mpianatra ary nanao arak'izay nandidian'i Jesosy azy ireo. <sup>7</sup> Noentin'izy ireo ilay ampondra sy ilay zana-boriky ary nametraka ny lamban'izy ireo teo aminy, ka nipetraka teo amin'ilay lamba Jesosy. <sup>8</sup> Ny ankabeazan'ny vahoaka dia namelatra ny lambany tamin'ny tany, ary ireo hafa nanapaka sampan-kazo ary nanaparitaka izany tamin'ny lalana. <sup>9</sup> Avy eo ireo vahoaka nialoha an'i Jesosy sy ireo izay nanaraka azy nitabataba hoe: "Hosana ho an'ny zanak'i Davida! Isaorana ilay tonga avy amin'ny anaran'ny Tompo! Hosana any amin'ny avo indrindra!" <sup>10</sup> Rehefa niditra tao Jerosalema Jesosy, dia nihiaka ny iray tanàna ka nanao hoe: "Iza moa io?" <sup>11</sup> Ny vahoaka namaly hoe: "Izy no Jesosy ilay mpaminany avy any Nazareta any Galilia." <sup>12</sup> Avy eo niditra tao an-tempoly Jesosy. Noroahiny avokoa ireo mpividy sy mpivarotra tao an-tempoly, ary navadiny ny latabatr'ireo mpanakalo vola sy ny fipetrahany ireo mpivarotra voromailala. <sup>13</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Efa voasoratra hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe trano fivavahana,' kanefa ataonareo zohy fieren'ny jiolahy." <sup>14</sup> Nony avy teo dia nisy jamba sy mandringa nanatona Azy tao an-tempoly, ka nositrany izy ireo. <sup>15</sup> Fa nony nahita ny zava-mahagaga nataony ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ary rehefa ren'izy ireo ny zaza madinika nitabataba tao an-tempoly hoe: "Hosana ho an'ny zanak'i Davida," dia tezitra mafy izy ireo. <sup>16</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Renareo va izany lazain'ireo olona ireo?" Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Eny! Fa tsy mbola novakianareo mihitsy ve ny hoe: 'Avy amin'ny vavan'ny zaza madinika sy ny zaza minono no nandavorarianareo ny fiderana?'" <sup>17</sup> Avy eo nandao azy ireo Jesosy ka nandeha tany amin'ny tanànan'i Betania ary nitoetra tao ny alina. <sup>18</sup> Ary nony maraina raha niverina tany an-tanàna Izy, dia noana. <sup>19</sup> Nahita azon'aviavy teny an-tsisin-dalana, dia nanatona teny Izy ary tsy nahita na inona na inona teo afa-tsy ny raviny. Hoy Izy taminy hoe: "Aoka tsy hisy voa intsony avy aminao mandrakizay," ary niaraka tamin'izay dia maina ilay aviavy. <sup>20</sup> Rehefa nahita izany ireo mpianatra, dia gaga izy ireo ary niteny hoe: "Ahoana no nahamaina avy hatrany ity aviavy ity?" <sup>21</sup> Namaly Jesosy ary nilaza azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, raha manam-pinoana sy tsy misy fisalasalana ianareo, dia tsy izay natao tamin'io aviavy io ihany no hataonareo, fa na dia hiteny amin'ity tendrombohitra ity aza hoe: 'miongota ary mianjerà any an-dranomasina', dia ho atao izany. <sup>22</sup> Na inona na inona angatahinareo am-bavaka, am-pinoana, dia ho azonareo." <sup>23</sup> Nony niditra tao an-tempoly Jesosy, dia nanatona Azy ny lehiben'ny mpisorona sy ny zokiolona raha nampianatra Izy ary niteny hoe: "Fahefana avy aiza moa no anaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome anao izany fahefana izany?" <sup>24</sup> Namaly Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Hametrahako fanontaniana iray ihany koa ianareo. Raha lazainareo amiko, dia ho lazaiko aminareo ny fahefana anaovako ireny zavatra ireny. <sup>25</sup> Ny batisan'i Jaona - avy taiza no niaviany? Avy tany an-danitra sa avy tamin'ny olombelona?" Niady hevitra izy ireo, nanao hoe: "Raha miteny isika hoe, 'Avy tany an-danitra,' Izy hiteny amintsika hoe: 'Fa nahoana izany ianareo no tsy nino azy?'" <sup>26</sup> Fa raha miteny isika hoe: 'Avy tamin'ny olombelona', mataotra ny vahoaka isika, satria izy rehetra dia mihevitra an'i Jaona tahaka ny mpaminany". Ka namaly an'i Jesosy izy ireo ka niteny hoe: "Tsy fantatray." <sup>27</sup> Ary hoy ihany koa Izy tamin'izy ireo hoe: "Izaho ihany koa dia tsy hilaza aminareo hoe avy aiza ny fahefana anaovako ireny zavatra ireny. <sup>28</sup> Fa ahoana ny hevitrareo? Nisy lehilahy iray nanana zanaka lahy roa. Nandeha nankany amin'ilay voalohany izy ary nanao hoe: 'Anaka, mandehàna miasa any amin'ny tanim-boaloboka androany.'" <sup>29</sup> Ilay zanany lahy namaly azy hoe: "Tsy ho any aho," fa avy eo niova hevitra izy dia lasa. <sup>30</sup> Avy eo dia nankany amin'ilay faharoa izy ary niteny tahaka izany ihany koa. Namaly izy ka niteny hoe: "Ho any aho, tompoko,' nefa tsy nankany izy. <sup>31</sup> Iza tamin'ireo zanany roa ireo no nanao ny sitrapon'ny rainy?" Ary hoy izy ireo hoe: "Ilay voalohany." Jesosy niteny azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena dia hiditra ny Fanjakan'ny Andriamanitra alohanareo. <sup>32</sup> Fa Jaona nanatona anareo tamin'ny fahamarinana, fa tsy nino azy ianareo. Fa ireo mpamory hetra sy mpivaro-tena nino azy. Fa ianareo, na dia nahita izany aza, dia tsy nibebaka sy tsy nino azy. <sup>33</sup> Henoy ity fanoharana iray hafa ity. Nisy lehilahy iray, tompona tany. Nanao tanim-boaloboka izy, nofefeny izany, nandavahany famiazana tao anatin'ny, nananganany tilikambo, ary nampanofainy tamin'ireo mpamboly voaloboka. Avy teo dia nankany amin'ny tanàna hafa izy. <sup>34</sup> Nony nanakaiky ny taom-pahavokarana, dia naniraka ny sasany tamin'ireo mpanompo izy ho any amin'ireo mpamboly voaloboka haka ny vokatrany. <sup>35</sup> Fa nosamborin'ireo mpamboly

voaloboka ireo mpanompony, nokapohiny ny anankiray, novonoiny ny hafa, dia mbola notorahana vato ny hafa. <sup>36</sup> Ary mbola, nandefa mpanompony hafa indray ilay tompon-tany, maro noho ny tamin'ny voalohany, fa nataon'izy ireo toy izany ihany koa. <sup>37</sup> Taorian'izany, dia naniraka ny zanany lahitokana tany amin'ireo ny tompon-tany, nilaza hoe: 'Hanaja ny zanako izy ireo.' <sup>38</sup> Fa rehefa nahita ilay zanaka lahy ireo mpamboly voaloboka, dia nifampiresaka izy ireo hoe: 'Ity no mpandova. Andeha, ho vonointsika izy ary ho alaintsika ny lova.' <sup>39</sup> Noho izany dia nosamborin'izy ireo izy, natsipy tao anatin'ny tanim-boaloboka ary novoina. <sup>40</sup> Ary rehefa tonga ny tompon'ny tanim-boaloboka, inona no ho ataony amin'ireo mpamboly voaloboka?'. <sup>41</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Ho ringaniny amin'izay fomba mafy indrindra ireo olon-doza, ary avy eo hampanofainy amin'ireo mpamboly voaloboka hafa ny tanin-boaloboka, olona hanome azy ny anjara voliny amin'ny fotoam-pahavokarana." <sup>42</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy mbola namaky ny Soratra Masina mihitsy va ianareo hoe: 'Ny vato nolavin'ny mpanori-trano no natao vato fehizoro. Avy tamin'ny Tompo izany, ary mahatalanjona eo imasontsika?' <sup>43</sup> Noho izany lazaiko aminareo, hesorina aminareo ny fanjakan'Andriamanitra ary hatolotra ny firenena izay mamokatra ireo voany. <sup>44</sup> Na iza na iza ho lavon'io vato io dia ho potipotika. Fa izay hianjerany kosa dia ho torotoro." <sup>45</sup> Rehefa nandre ireo fanoharany ireo ny lehiben'ny mpisorona sy ireo Fariseo, dia azon'izy ireo fa mahakasika azy ireo no noresahany. <sup>46</sup> Nikasa ny hisambotra Azy, saingy natahotra ny vahoaka izy ireo, satria nataon'ny olona ho mpaminany Izy.

## Matthew 21:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fiatombohan'ny tantaran'ny fidiran'i Jesosy tao Jerosalema. Eto dia manome toro-marika an'ireo mpianany ny amin'izay tokony ho ataon'izy ireo Izy.

### Betifaga

Tanàna kely iray akaikin'i Jerosalema io.

### boriky mifatotra

Azonao adika hoe DH: "boriky izay nofatoran'ny olona"

### mifatotra

Azonao atao mazava ny fomba nifatoran'ilay boriky. DH: "nifatotra tamin'ny andry" na "nifatotra tamin'ny hazo"

### zana-boriky

"boriky lahy mbola tanora"

## Matthew 21:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto ny mpanoratra dia mamerina ny tenin'i Zakaria mba hampisehoana fa tanterak'i Jesosy ny faminania tamin'ny nitaingenany boriky tao Jerosalema.

### Ary

Io teny io dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana ao amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manazava ny nahatanterahan'ny asan'i Jesosy ny soratra Masina.

### mba hahatanteraka izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany

Azo atao hoe DH: "niseho izany mba hahatanterahan'i Jesosy izay

nolazain'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny mpaminany hatry ny ela"

### tamin'ny alalan'ny mpaminany

Azo atao mazava hoe mpaminany iza no nilaza izany. DH: "tamin'ny alalan'i Zakaria mpaminany"

### ny zanaka vavin'i Ziona

Ny "zanaka vavy" ny tanàna iray dia midika hoe olon'ny tanàna. DH: "ireo olon'i Ziona" na "ireo olona izay monina ao Ziona"

### Ziona

Anaran'i Jerosalema iray hafa io.

### boriky- zana-boriky lahy

Manazava io teny io fa mbola tanora ilay biby - boriky lahy, tanora

## Matthew 21:6

### lamba

Akanjo ivelany na akanjo lava.

### ny vahoaka dia namelatra ny lambany tamin'ny tany, ary ireo hafa nanapaka sampan-kazo ary nanaparitaka izany tamin'ny lalana

Izany dia fomba fanehoana haja an'i Jesosy raha iny niditra tao Jerosalema iny Izy.

## Matthew 21:9

### Hosana

Io teny io dia midika hoe "vonjeo izahay" saingy mety midika ihany koa hoe "deraina Andriamanitra!"

### Zanak'i Davida

Tsy tena zanak'i Davida ara-bakiteny akory i Jesosy, koa azo adika hoe "Taranak'i Davida Mpanjaka" io. Na izany aza, ny hoe "Zanak'i Davida" dia fiantsoana ilazana ny Mesia ihany koa, ka mety

niantso an'i Jesosy araka izany fiantsoana izany ireo vahoaka.

#### **amin'ny anaran'ny Tompo**

Eto ny hoe "amin'ny anarana" dia midika hoe "amin'ny hery." DH: "amin'ny herin'ny Tompo" na "amin'ny maha mpisolon-tena ny Tompo"

#### **Hosana any amin'ny avo indrindra**

Eto ny hoe "avo indrindra" dia maneho an'Andriamanitra izay manapaka any amin'ny avo indrindra. DH: "Deraina Andriamanitra, izay any amin'ny avo indrindra" na "Derao Andriamanitra"

#### **nihiaika ny iray tanàna**

Ny hoe "tanàna" dia maneho ireo olona monina ao. DH: "nihilika ny olona maro avy amin'ny tanàna manontolo"

#### **nihiaika**

"nientanentana"

### **Matthew 21:12**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no manomboka ny tantaran'i Jesosy niditra tao amin'ny tempoly.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 13, mamerina ny teny avy ao amin'ny Isaia i Jesosy mba hananarana ireo mpivarotra sy mpanakalo vola.

#### **niditra tao an-tempoly Jesosy**

Tsy niditra tao amin'ny tena tempoly i Jesosy. Teo amin'ny tokotanin'ny tempoly Izy no niditra.

#### **mpividy sy mpivarotra**

Ireo mpivarotra dia nivarotra biby sy zavatra hafa izay novidian'ireo vahiny mba hanolorana ny fanatitra tsara eo amin'ny tempoly.

#### **Hoy Izy tamin'izy ireo**

"Hoy Jesosy tamin'ireo izay nanakalo vola sy nividy ary nivarotra zavatra"

#### **voasoratra hoe**

Azo adika hoe DH: "nosoratan'ireo mpaminany hatry ny ela" na "nolazain'Andriamanitra hatry ny ela"

#### **Ny tranoko ho antsoina hoe**

Azo atao hoe DH: "Ny tranoko dia ho"

#### **trano fivavahana**

Fomba fiteny io DH: "toerana izay hivavahan'ny olona"

#### **zoky fieren'ny jiolahy**

Mampiasa sarin-teny i Jesosy mba hibedesana ireo olona nohon'ny fividianana sy fivarotana tao amin'ny tempoly. DH: "toy ny toerana fiefan'ireo jiolahy"

#### **jamba sy mandringa**

Ireo mpamari-toetra ireo dia azao avadika ho mpamaritra anarana. DH: "ny jamba sy ny mandringa"

#### **mandringa**

manana tongotra na ranjo voa mafy izay manasarotra ny fandehanana.

### **Matthew 21:15**

#### **Fampahantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy 16, mamerina ny teny avy ao amin'ny Salamo i Jesosy mba hanamarinana ny namalian'ny olona Azy.

#### **zava-mahagaga**

"ireo zavatra mahatalanjona" na "ireo fahagagana." Milaza an'i Jesosy nanasitrana olona jamba sy mandringa io.

#### **Hosana**

Io teny io dia midika hoe "vonjeo izahay" saingy mety midika ihany koa hoe "deraina Andriamanitra!" Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 21:9.

#### **Zanak'i Davida**

Tsy tena zanak'i Davida ara-bakiteny akory i Jesosy, koa azo adika hoe "Taranak'i Davida Mpanjaka" io. Na izany aza, ny hoe "Zanak'i Davida" dia fiantsoana ilazana ny Mesia ihany koa, ka mety niantso an'i Jesosy araka izany fiantsoana izany ireo vahoaka. Jereo ny nadikanao izany ao amin'ny 21:9.

#### **tezitra mafy izy ireo**

Midika izany fa tezitra izy ireo satria tsy nino hoe Jesosy no Kristy ary tsy tian'izy ireo hidera Azy ny olona hafa. DH: "tezitra mafy izy ireo satria nidera Azy ny olona"

#### **Renareo va izany lazain'ireo olona ireo?**

Manontany io fanontaniana io ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna mba hitenenana mafy an'i Jesosy satria tezitra taminy izy ireo. DH: "Tsy tokony hamela ny olona hilaza izany zavatra izany momba Anao Ianao!"

#### **Fa tsy mbola novakianareo mihitsy ... fiderana?**

Mametraka io fanontaniana io i Jesosy mba hampatsiahivana ireo mpisorona sy ireo mpanora-dalàna fa nianatra ny soratra masina izy ireo. DH: "Eny, reko izy ireo, fa tokony ho tsaroanareo izay novakianareo tao amin'ny soratra masina"

#### **Avy amin'ny vavan'ny zaza madinika sy ny zaza minono no nandavorarianao ny fiderana**

Ny teny hoe "avy amin'ny vava" dia ilazana hoe miteny. DH: "Ianao no nahatonga ny ankizy madinika sy ny zaza minono hanambara fiderana lavorary"

**nandao azy ireo**

"Nandao an'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna i Jesosy"

**Matthew 21:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampiasa hazon'aviavy i Jesosy mba hampianarana momba ny finoana sy ny vavaka.

**Ary**

Ampiasaina io teny io eto mba hanamarihana fiatoana eo aminy fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manazava fa noana i Jesosy ary izany no antony nijanonanny teo amin'ilay aviavy.

**maina**

"maty"

**Matthew 21:20****Ahoana no nahamaina avy hatrany ity aviavy ity?**

Mampiasa fanontaniana ireo mpianatra mba hanehoana ny fahagagan'izy ireo. DH: "Talanjona izahay hoe maina poa tahaka izay"

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**raha manam-pinoana sy tsy misy fisalasalana ianareo**

Manindry ireo fa tsy maintsy goavana izany finoana izany. DH: "raha mino marina"

**nahamaina**

"maina ary maty"

**a na dia hiteny amin'ity tendrombohitra ity aza hoe:**

'miongota ary mianjerà any an-dranomasina', Azonao adika io hoe DH: "ho afaka ny hiteny amin'io tendrombohitra io mba hiongotra sy hampianjera ny tenany any amin'ny ranomasina aza ianareo"

**ho atao izany**

Azo adika io hoe DH: "hitranga izany"

**Matthew 21:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiantombohan'ny tantara momba ny fanadihadian'ireo mpitarika fivavahana ny amin'ny fahefan'i Jesosy.

**niditra tao an-tempoly**

Ny hevitra ambadik'izany dia tsy tena niditra tao amin'ny tempoly i Jesosy. Teo amin'ny tokotany manodidina ny tempoly izy no niditra.

**ireny zavatra ireny**

Maneho ny fampianarana sy fanasitranan'i Jesosy tao an-tempoly io. Mety ho maneho ny fandroahan'i

Jesosy ireo mpividy sy mpivarotra ny omalin'io ihany koa izany.

**Matthew 21:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mamaly an'ireo mpitarika fivavahana i Jesosy.

**avy taiza no niaviany?**

"avy taiza no nahazoany izany fahefana izany?"

**Raha miteny isika hoe, 'Avy tany an-danitra,' Izy hiteny amintsika hoe: 'Fa nahoana izany ianareo no tsy nino azy?'**

Azonao adika hoe DH: "Raha ataontsika hoe mino isika fa i Jaona dia nandray izany fahefana izany avy tany an-danitra, dia hanontany antsika i Jesosy hoe nahoana isika no tsy nino an'i Jaona"

**Avy tany an-danitra**

Eto ny "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra any an-danitra"

**nahoana izany ianareo no tsy nino azy?**

Fantatr'ireo mpitarika fivavahana fa hibedy azy ireo amin'ny fanontaniana tsy valiana i Jesosy. DH: "Dia tokony ho nino an'i Jaona Mpanao Batsisa izany ianareo"

**Fa raha miteny isika hoe: 'Avy tamin'ny olombelona',**

Azonao adika hoe DH: "Fa raha milaza isika hoe mino fa nandray fahefana avy amin'olombelona i Jaona"

**mataotra ny vahoaka isika**

"mataotra izay hieveran'ny vahoaka na izay ho ataon'izy ireo amintsika isika"

**mihevitra an'i Jaona tahaka ny mpaminany**

"mino izy ireo fa mpaminany Jaona"

**Matthew 21:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza fanoharana momba ny zanaka roa lahy i Jesosy mba hananarana ireo mpitarika fivavahana sady hanoharana ny tsy finoan'izy ireo.

**Fa ahoana ny hevitrareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hanairana ireo mpitarika fivavahana hihevitra tsara momba ny fanoharana izay ho lazainy amin'izy ireo. DH: "Lazao amiko izay eritreretinareo momba izay lazaiko aminareo"

**niova hevitra izy**

Io dia manondro ilay zanaka lahy izay miverina mihevitra ny safidiny toy ny hoe nanana safidy maro izy.

**Matthew 21:31****hoy izy ireo**

"Hoy ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholona"

**Jesosy niteny azy ireo hoe**

"Hosy Jesosy tamin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholona"

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena dia hiditra ny Fanjakan'ny Andriamanitra alohanareo**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "Rehefa mametraka ny fanjakany eto antany Andriamanitra, dia hanaiky ny hitahy ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena amin'ny alalan'ny fanapahany eo amin'izy ireo Izy, mialoha ny hanekeny hanao izany ho anareo"

**alohanareo**

Ireo mety ho dikany dia 1) Hanaiky ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena mialoha ny hanekeny ireo Jiosy sy ireo mpitarika Jiosy Andriamanitra, na 2) Hanaiky ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena Andriamanitra raha tokony ho ireo mpitarika fivavahana Jiosy izany.

**Jaona nanatona anareo**

Manondro ny olon'Israely rehetra io fa tsy ireo mpitarika fivavahana Jiosy ihany. DH: "nankeo amin'ireo vahoakan'Israely i Jaona"

**tamin'ny fahamarinana**

Io dia fomba fiteny izay midika fa i Jaona dia nampiseho ireo olona ny lala-marina hoenti-miaina. DH: "ary nilaza taminareo ny lalana izay tian'Andriamanitra hiainanareo"

**tsy nino azy ianareo**

Manondro ireo mpitarika fivavahana io.

**Matthew 21:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mba hananarana ireo mpitarika fivavahana sady hanoharana ny tsy finoan'izy ireo, dia milaza fanoharana momba ana mpanompo i Jesosy.

**tompona tany**

"olona iray izay manana tany"

**nofefeny**

"nasiany rindrina" na "nasiany fefy"

**nandavahany famiazana tao anatin'ny**

"nandavaka lavaka teo amin'ilay tanim-boaloboka mba hamiazana ireo voaloboka"

**nampanofainy tamin'ireo mpamboly voaloboka**

"nametraka ilay tanim-boaloboka teo ambanin'ny fitantanan'ireo mpamboly voaloboka." Mbola an'i tompony ihany ilay tanim-boaloboka.

**mpamboly voaloboka**

Ireo dia olona izay nahalala ny fomba fikarakarana ny voaloboka.

**Matthew 21:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**ireo mpanompony**

"ireo mpanompon'ilay tompon-tany"

**Matthew 21:38****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

**Matthew 21:40****Ary**

Ampiasaina io teny io mba hisintonana ny saina ho liana amin'ny hevi-dehibe izay manaraka eo.

**Hoy izy ireo taminy hoe**

Tsy ataon'i Matio mazava tsara hoe iza no namaly an'i Jesosy. Raha mila mamaritra izany ianao dia azonao adika hoe "Hoy ny vahoaka tamin'i Jesosy"

**Matthew 21:42****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto i Jesosy dia manomboka manazava ny fanoharana momba ireo mpanompo mpikomy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Mamerina ny tenin'Isaia mpaminany i Jesosy mba hampisehoana fa homen'Andriamanitra voninahitra ilay iray izay nolavin'ireo mpitarika fivavahana.

**Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe**

Tsy mazava hoe iza no hanontanian'i Jesosy ity fanontaniana manaraka ity. Raha mila ataonao mazava tsara hoe iza "izy ireo," dia ataovy araka ny nataonao tao amin'ny 21:40.

**Tsy mbola namaky ny Soratra Masina mihitsy va ianareo hoe**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampihevitra ireo mpihaino tsara ny dikan'io soratra masina io. DH: "Hevero tsara izay novakianareo"

**Ny vato nolavin'ny mpanori-trano no natao vato fehizoro**

Mamerina teny avy ao amin'ny Salamo i Jesosy. Io dia sarin-teny izay midika fa handà an'i Jesosy, tahaka ny mpanori-trano ireo mpitarika fivavahana, saingy ho ataon'Andriamanitra lehibe indrindra ao amin'ny fanjakany, tahaka ny fato-fehizoron'ny fanorenana Izy.

**natao vato fehizoro**

Azo atao hoe DH: "lasa vato fehizoro"

**Avy tamin'ny Tompo izany**

"Ny Tompo no nahatonga izany fiovana lehibe izany"

**ary mahatalanjona eo imasontsika**

Eto ny hoe "eo imasontsika" dia ilazana ny fahitana. DH: "mahafinaritra jerena"

**Matthew 21:43**

**lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**aminareo**

Niresaka tamin'ireo mpitarika fivavahana sy tamin'ireo vahoaka Jiosy amin'ny ankapobeny i Jesosy.

**hesorina aminareo ny fanjakan'Andriamanitra ary hatolotra ny firenena izay mamokatra ireo voany**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Azo ato hoe DH: "Ho lavin'Andriamanitra ianareo, ry

vahoaka Jiosy, ary ho mpanjakan'ireo olona avy amin'ny firenen-kafa izay mamokatra voa Izy"

**izay mamokatra ireo voany**

Io dia fomba fiteny izay ilazana ny fankatoavana. DH: "izay mankatoa ny didin'Andriamanitra"

**Na iza na iza ho lavon'io vato io dia ho potipotika**

Eto, "io vato io" dia ilay vato tao amin'ny 21:42 ihany. Io dia sarin-teny izay midika fa hamotika an'iza na iza izay mikomy manohitra Azy i Jesosy. Azo atao hoe DH: "Hamotipotika ny olona izay mianjera aminy ilay vato"

**Fa izay hianjerany kosa dia ho torotoro**

Mitovy hevitra amin'ilay fehezanteny teo aloha ihany io. Io dia sarin-teny izay midika fa i Kristy no tompon'ny fitsarana farany ary hamotika izay rehetra mikomy manohitra Azy Izy.

**Matthew 21:45**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamaly ny fanoharan'i Jesosy ireo mpitarika fivavahana.

**ireo fanoharany**

"ireo fanoharan'i Jesosy"

## Chapter 22

<sup>1</sup> Niteny tamin'ny fanoharana tamin'izy ireo indray Jesosy, nanao hoe: <sup>2</sup> "Ny fanjakan'ny Lanitra dia mitovy amin'ny mpanjaka izay nanomana fanasana amin'ny fampakaram-bady ho an'ny zanany lahy. <sup>3</sup> Naniraka ireo mpanompony hiantso ireo izay nahazo fanasana hanatrika ny lanonam-pampakaram-bady izy, fa tsy nety ho avy izy ireo. <sup>4</sup> Nandefa ireo mpanompony hafa indray ny mpanjaka, manao hoe: 'Ilazao ireo izay nasaina hoe: "Jereo, efa nokarakaraiko ny sakafoko. Efa novonoina ny omby sy ny zanak'omby mifahiko, ary efa vonona ny zava-drehetra. Tongava ao amin'ny lanonam-pampakaram-bady.'" <sup>5</sup> Saingy tsy niraharaha izy ireo ary lasa nandeha, ny iray namonjy ny toeram-piompiny, ny hafa tamin'ny raharaham-barony. <sup>6</sup> Ireo sasany nisambotra ireo mpanompon'ny mpanjaka, nanala baraka azy ireo, ary namono azy ireo. <sup>7</sup> Tezitra ny mpanjaka ka naniraka ireo miaramilany, ary namono mpamono olona ireo izy ireo, ary nandoro ny tanànanany. <sup>8</sup> Avy eo niteny tamin'ireo mpanompony izy hoe: 'Efa vonona ny fampakaram-bady, fa ireo izay nasaina no tsy mendrika. <sup>9</sup> Noho izany mandehana eny amin'ny sampanan-dalambe ary manasa olona maro araka izay hitanareo ho ao amin'ny lanonam-mpampakaram-bady.' <sup>10</sup> Nandeha nivoaka tany amin'ny lalan-dehibe ireo mpanompo ary nanambatra ny olona rehetra izay hitan'izy ireo, na ny tsara na ny ratsy. Noho izany dia feno vahiny ilay efi-trano lehibe nisy ny fampakaram-bady. <sup>11</sup> Fa rehefa niditra ny mpanjaka mba hijery ireo vahiny, dia nahita lehilahy tsy nitafy akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady izy. <sup>12</sup> Niteny taminy ny mpanjaka hoe: 'Ry sakaiza, ahoana no idiranao ato tsy miaraka amin'ny fitafy fitondra amin'ny fampakaram-bady?' Fa tsy nahateny ilay lehilahy. <sup>13</sup> Avy eo niteny tamin'ireo mpanompony ny mpanjaka hoe: 'Fehezo ny tanana sy ny tongotr'ity lehilahy ity, ary atsipazo any amin'ny maizina any ivelany izy, any no misy fitomaniana sy fikitroha-nify.' <sup>14</sup> Fa olona maro nantsoina, nefa vitsy no ho voafidy. <sup>15</sup> Avy eo nandeha ireo Fariseo ary nanomana ny fomba mety hamandrihana an'i Jesosy amin'izay noteneniny. <sup>16</sup> Avy eo nirahan'izy ireo ankany Aminy ireo mpianatr'izy ireo, niaraka tamin'ireo Herodiana. Niteny tamin'i Jesosy izy ireo hoe: "Ry mpampianatra, fantatray fa marina ianao, ary mpampianatra ny lalan'Andriamanitra amin'ny marina. Tsy miraharaha ny hevitra ny hafa ianao, ary tsy mizaha mitanila. <sup>17</sup> Noho izany lazao aminay, inona ny hevitrao? Ara-dalàna ve ny fandoavan-ketra any amin'i Kaisara sa tsia?" <sup>18</sup> Nefa azon'i Jesosy ny faharatsian'ireo ka niteny hoe: "Nahoana no mitsapa Ahy ianareo, ry mpihatsaravelatsihy? <sup>19</sup> Asehoy Ahy ny farantsa amin'ny hetra." Avy eo nitondra denaria teo aminy izy ireo. <sup>20</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "An'iza ity sary sy anarana ity?" <sup>21</sup> Niteny taminy izy ireo hoe: "An'i Kaisara." Avy eo Jesosy niteny azy ireo hoe: "Omeo an'i Kaisara ireo izay an'i Kaisara, ary an'Andriamanitra ireo izay an'Andriamanitra." <sup>22</sup> Rehefa nandre izany izy ireo, dia gaga. Ary niala teo Aminy izy ireo ka nandeha. <sup>23</sup> Tamin'izay andro izay ihany ny Sadoseo sasany, ireo izay nilaza fa tsy misy fitsanganana amin'ny maty, nanatona Azy. Nanontany Azy izy ireo, <sup>24</sup> nanao hoe: "Ry mpampianatra, Mosesy niteny hoe: 'Raha maty ny olona, tsy manan-janaka, dia tokony hanambady ny vadiny ny rahalahiny ary hanan-janaka ho an'ny rahalahiny. <sup>25</sup> Nisy mpirahalaha fito. Nanambady ny voalohany ary maty avy eo. Lasa tsy namela anaka, navelany ho an'ny rahalahiny ny vadiny. <sup>26</sup> Avy eo nanao zavatra mitovy amin'izay ny faharoa, avy eo ny fahatelo, toy izany foana hatrany amin'ilay rahalahy fahafito. <sup>27</sup> Taorinan'izy rehetra ireo, dia maty ilay vehivavy. <sup>28</sup> Ary amin'ny fitsanganan'ny maty, ho vadin'iza amin'ireo mpirahalaha fito izy? Fa efa nanambady azy izy rehetra ireo." <sup>29</sup> Fa namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Diso ianareo, satria tsy mahafantatra ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra. <sup>30</sup> Fa amin'ny fitsanganan'ny maty dia sady tsy hanambady izy ireo no tsy omena ampakarina. Fa kosa, mitovy amin'ireo anjely any an-danitra. <sup>31</sup> Fa mahakasika ny fitsanganan'ny maty, mbola tsy novakianareo va izay nolazain'Andriamanitra taminareo, manao hoe: <sup>32</sup> 'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba'? Andriamanitra dia tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona." <sup>33</sup> Rehefa nandre izany ireo vahoaka, dia talanjona tamin'ny fampianarany. <sup>34</sup> Fa rehefa rean'ireo Fariseo ny nampanginan'i Jesosy ny Sadoseo, dia niara-nivondrona izy ireo. <sup>35</sup> Ny iray tamin'izy ireo, mpahay lalàna, nametra-panontaniana taminy, naka fanahy Azy hoe: <sup>36</sup> "Ry mpampianatra, iza no lehibe indrindra amin'ny didy ao amin'ny lalàna?" <sup>37</sup> Niteny taminy Jesosy hoe: "Tiavo amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fanahinareo rehetra, ary amin'ny sainareo rehetra ny Tompo Andriamanitrareo." <sup>38</sup> Izany no didy lehibe sy voalohany. <sup>39</sup> Ary ny didy faharoa dia tahaka izany ihany: 'Tiavo ny mpiara-belona aminareo tahaka ny tenanareo.' <sup>40</sup> Amin'ireo didy roa ireo no iankinan'ny lalàna manontolo sy ireo mpaminany." <sup>41</sup> Ary raha mbola niara-nivondrona ireo Fariseo, dia nametra-panontaniana azy ireo Jesosy. <sup>42</sup> Hoy Izy hoe: "Inona no eritreritrareo momban'i Kristy? Zanakalahin'iza Izy?" Niteny taminy ireo hoe: "zanak'i Davida." <sup>43</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ary Davida mitoetra ao amin'ny Fanahy no miantso Azy hoe Tompo, manao hoe: <sup>44</sup> 'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe: "Mipetraka eo amin'ny

tanana'ankavanako, mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongtrao?" <sup>45</sup> Raha Davida aza miantso an'i Kristy hoe: "Tampo," dia ahoana no maha-zanak'i Davida Azy?" <sup>46</sup> Tsy nisy nahavaly Azy tamin'ny teny, ary tsy nisy olona sahy nametra-panontaniana hafa intsony nanomboka tamin'izany andro izany.

### Matthew 22:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mba hananarana ireo mpitarika fivavahana sady hanoharana ny tsy finoan'izy ireo, dia milaza fanoharana momba ny lanonam-pampakaram-bady i Jesosy.

#### tamin'izy ireo

"tamin'ireo olona"

#### Ny fanjakan'ny Lanitra dia mitovy

Ity no fiandohan'ny fanoharana. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:24.

#### izay nahazo fanasana

Azo atao hoe DH: "ireo olona izay nasain'ny mpanjaka"

### Matthew 22:4

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

#### mpanompony hafa indray ny mpanjaka, manao hoe: 'Ilazao ireo izay nasaina

Azo atao hoe DH: "mpanompony, nanome baiko azy ireo mba hilaza amin'ireo nasaina"

#### Jereo

"Henoy" na "Tandremo tsara ny zavatra ho lazaiko aminareo"

#### Efa novonoina ny omby sy ny zanak'omby mifahiko

Ny hevitra'izany dia hoe masaka sy vonona ireo biby. DH: "Novonoin'ireo mpanompoko ary nandrahoiny ny omby sy ny zanak'omby mifahiko"

#### ny omby sy ny zanak'omby mifahiko

"Ny omby sy zanak'ombiko tsara indrindra izay azo hanina"

### Matthew 22:5

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

#### tsy niraharaha izy ireo

"Fa tsy norarahian'ireo nasain'ny mpanjaka ilay fanasana"

#### namono ireo mpamono olona ireo

Ny hevitra fonosin'izany dia novonoin'ireo miaramilan'ny mpanjaka ireo mpamono olona.

### Matthew 22:8

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

#### ireo izay nasaina

Azo atao hoe DH: "ireo izay nasaiko"

#### sampanan-dalambe

"izay hifanenan'ireo lalam-ben'ny tanàna." Mandefa ireo mpanompony any amin'ny toerana izay ahitana olona maro ny mpanjaka.

#### na ny tsara na ny ratsy

"na ireo olona tsara na ireo olon-dratsy"

#### Noho izany dia feno vahiny ilay efi-trano lehibe nisy ny fampakaram-bady

Azo atao hoe DH: "Koa nameno ny efi-trano nanaovana ny fampakaram-bady ireo vahiny"

### Matthew 22:11

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza fanoharana.

#### ahoana no idiranao ato tsy miaraka amin'ny fitafy fitondra amin'ny fampakaram-bady?

Mampiasa fanontaniana ily mpanjaka mba hibesedana ireo vahiny. DH: "tsy manao akanjo mifanaraka amin'ny fampakaram-bady ianareo. Tsy tokony hoe eto ianareo"

#### tsy nahateny ilay lehilahy

"nangina ilay lehilahy"

### Matthew 22:13

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamarana ny fanoharany mombany lanona-mpampakarana i Jesosy.

#### Fehezo ny tanana sy ny tongotr'ity lehilahy ity

"Fatory izy mba tsy ho afaka hihetsika ny tanany sy ny tongony"

#### any amin'ny maizina any ivelany izy

Io teny io dia ilazana ny anjaran'ireo izay mandà an'Andriamanitra mandrakizay. DH: "ilay toerana maizina lavitra an'Andriamanitra." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 8:11.

#### fitomaniana sy fikitroha-nify

Maneho alahelo sy fahoriana lehibe izany. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 8:11.



**Fa olona maro nantsoina, nefa vitsy no ho voafidy**  
Azo adika hoe DH: "Fa manasa olona maro  
Andriamanitra, saingy vitsy ihany no fidiany"

### Matthew 22:15

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'ireo mpitarika  
fivavahana izay nitetika ny hamandrika an'i Jesosy  
tamin'ny alalan'ny fanontaniana saro-baliana maro.  
Eto ireo Fariseo dia manontany Azy momba ny  
fandoavan-ketra amin'i Kaisara.

#### **fomba mety hamandrihana an'i Jesosy amin'izay noteneniny**

"ahaoana no ahafahan'izy ireo mampilaza zavatra  
tsy mety an'i Jesosy mba hahafahan'izy ireo  
misambotra Azy"

#### **ireo mpianatr'izy ireo ... Herodiana**

Ireo mpianatr'ireo Fariseo dia nanohana ny  
fandoavan-ketra amin'ireo manam-pahefana Jiosy  
ihany. Ireo Herodiana dia nanohana ny fandoavan-  
ketra amin'ireo manam-pahefana Romana. Midika  
izany fa nino ireo Fariseo fa na inona na inona  
lazain'i Jesosy, dia hanafintohina ny iray amin'ireo  
vondrona ireo Izy.

#### **Herodiana**

Ireo dia manan-pahefana sady mpanara-dia an'i  
Heroda. Mpinamana tamin'ireo manam-pahefana  
Romana izy.

#### **ary tsy mitanila**

"tsy maneho haja manokana amin'ny olona sasany  
Ianao" na "misy olona sasany tsy ataonao manan-  
danja kokoa nohon'ny olona hafa"

#### **fandoavan-ketra any amin'i Kaisara**

Tsy nandoa hetra mivantana tamin'i Kaisara ny  
olona fa tamin'ny iray amin'ireo mpamory hetrany.  
DH: "mandoa ireo hetra izay takian'i Kaisara"

### Matthew 22:18

#### **Nahoana no mitsapa Ahy ianareo, ry mpihatsaravelatsihy?**

Mampisa fanontaniana i Jesosy mba hibedesana  
ireo izy nitetika ny hamandrika Azy. DH: "Aza  
mitsapa Ahy, ry mpihatsaravelatsihy!" na "Fanatro  
fa mitetika ny hitsapa Ahy ianareo ry  
mpihatsaravelatsihy!"

#### **denaria**

Vola Romana izay mitentina karama iray andro.

### Matthew 22:20

#### **tamin'izy ireo**

Manondro ireo Herodiana sy ireo mpianatr'ireo  
Fariseo ny hoe "izy ireo" eto.

#### **An'iza ity sary sy anarana ity?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampisaina  
tsara ireo olona ny amin'izay lazainy. DH: "Lazao  
Amiko hoe sarin'iza sy anaran'iza no hitanareo eto  
amin'ity vola vy ity"

#### **An'i Kaisara**

Azonao atao mazava kokoa ny hevitra izay efa  
voaray eto. DH: "Misy sary sy anaran'i Kaisara eo  
amin'ny vola vy"

#### **izay an'i Kaisara**

"ireo zavatra izay an'i Kaisara"

#### **izay an'Andriamanitra**

"ireo zavatra izay an'Andriamanitra"

### Matthew 22:23

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mitetika ny hamandrika an'i Jesosy amin'ny  
alalan'ny fanontaniana Azy ny amin'ny  
fanambadiana sy ny fitsanganana amin'ny maty ireo  
Sadoseo.

#### **Ry mpampianatra, Mosesy niteny hoe: 'Raha maty ny olona**

Nanontany an'i Jesosy momba izay nosoratan'i  
Mosesy tao amin'ny soratra masina ireo mpitarika  
fivavahana. DH: "Ry mpampianatra, i Mosesy nilaza  
fa raha maty ny lehilahy iray."

#### **ny rahalahiny ... ny vadiny ... ny rahalahiny**

Eto ny tampisaka "-ny" dia manondro ilay lehilahy  
maty.

### Matthew 22:25

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mametra-panontaniana amin'i Jesosy ireo  
Sadoseo.

#### **Taorian'izy rehetra ireo**

"Taorian'ny nahafatesan'ireo mpirahalany rehetra"

#### **Ary**

Eto ireo Sadoseo dia mamadika ny tantara momba  
ireo mpirahalany fito makany amin'ny tena  
fanontanian'izy ireo.

#### **amin'ny fitsanganana ny maty**

"rehefa velona indray ireo olona maty"

### Matthew 22:29

#### **Diso ianareo**

Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia diso izy ireo  
manoloana ny fihevitry izy ireo momba ny  
fitsanganana amin'ny maty. DH: "Diso ny hevitrareo  
momba ny fitsanganana amin'ny maty"

#### **herin'Andriamanitra**

"izay afaka ataon'Andriamanitra"

**amin'ny fitsanganan'ny maty**  
"rehefa velona indray ireo olona maty"

**sady tsy hanambady izy ireo**  
"tsy hanambady ny olona"

**no tsy omena ampakarina**  
Azo atao hoe DH: "no tsy hanolotra ny zanak'izy ireo ho amin'ny fanambadiana ny olona"

### Matthew 22:31

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ao amin'ny 22:32, Jesosy dia mamerina ny teny avy ao amin'ny Eksodosy mba hanaporofoina fa velona indray ny olona aorian'ny ahafatesan'izy ireo.

**mbola tsy novakianareo va izay ... Jakoba'?**  
Mametraka fanontaniana i Jesosy mba hampatsiahivana ireo mpitarika fivavahana izay fantatr'izy ireo avy amin'ny soratra masina. DH: "Fantatro fa efa novakianareo izany, saingy toa tsy azonareo ... Jakoba"

**manao hoe: 'Izaho no .... Jakoba'?**  
Azonao adika hoe DH: "Andriamanitra izay niteny tamin'i Mosesy fa Izy no Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba"

**ny maty, fa an'ny velona**  
Ireo mpamaritra anarana ireo dia azo adika ho mpamari-toetra, DH: "ireo olona maty, fa Izy dia Andriamanitra ny olona velona"

### Matthew 22:34

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Nisy Fariseo izay manam-pahaizana manokana anin'ny lalàna niezaka ny hamandrika an'i Jesosy tamin'ny nametrahany fanontaniana saro-baliana momba ny didy lehibe indrindra taminy.

**mpahay lalàna**  
"manam-pahaizana manokana anin'ny lalàna."  
Fariseo izay nanana fahaizana manokana amin'ny fanakarana ireo lalàn'i Mosesy io.

### Matthew 22:37

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Mamerina andin-tsoratra masina avy ao amin'ny Deoteronomia ho toy ny didy lehibe indrindra i Jesosy.

**amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fanahinareo rehetra, ary amin'ny sainareo rehetra**  
Ireo teny telo ireo dia samy mitovitovy hevitra avokoa. Ny dikan'ireo dia tsy maintsy mitia an'Andriamanitra amin'izay rehetra ao anatin'ny sy amin'ny fanoloran-tena tanteraka ny olona.

**no didy lehibe sy voalohany**  
Eto ny "lehibe" sy "voalohany" dia mitovy hevitra. Manindry ireo fa io no didy manan-danja indrindra.

### Matthew 22:39

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Mandray andininy avy ao amin'ny Levitikosy i Jesosy hilazana ny didy lehibe faharoa.

**Ary ny didy faharoa dia tahaka izao**  
ireo mety ho dikany dia 1) "Ary misy didy iray hafa manaraka izay manan-danja" na 2) "Ary misy didy faharoa izay manan-danja tahaka izany ihany." Na amin'io voalohany io na amin'ny faharoa, ny tian'i Jesosy ho lazaina dia manan-danja noho ireo didy hafa rehetra ireo didy anankiroa ireo.

**tahaka izany ihany**  
Ny dikan'izany dia hoe mitovy amin'ily didy teo amin'ny andininy 22:37.

**mpiara-belona aminareo**  
Eto ny "mpiara-belona" dia misy hevitra mihoatra ny hoe olona mipetraka eo akaiky fotsiny ihany. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia tsy maintsy mitia ny olon-drehetra ny olona iray.

**Amin'ireo didy roa ireo no iankinan'ny lalàna manontolo sy ireo mpaminany**  
Eto ny hoe "ny lalàna manontolo sy ireo mpaminany" dia ilazana ny soratra masina manontolo. DH: "Izay rehetra nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany tao amin'ny soratra masina dia mifototra amin'ireo didy roa ireo"

### Matthew 22:41

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Mametraka fanontaniana saro-baliana amin'ireo Fariseo i Jesosy mba hampitsaharana ny tetik'izy ireo hamandrika Azy.

**Ary**  
Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao izay nametrahany i Jesosy fanontaniana tamin'ireo mpitarika Jiosy.

**Zanaka ... zanak'i Davida**  
Samy midika hoe "taranaka" ireo.

### Matthew 22:43

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Mamerina ny teny avy ao amin'ny Salamo i Jesosy mba hampisehoana fa mihoatra nohon'ny "zanak'i Davida" ny Kristy.

**Nahoana ary Davida mitoetra ao amin'ny Fanahy no miantso Azy hoe Tompo**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampisaina tsara ireo mpitarika fivavahana ny amin'ny teny avy ao amin'ny Salamo izay ho lazainy. DH: "Teneno amiko izany hoe nahoana i Davida tao amin'ny Fanahy no niantso Azy hoe Tompo"

**Davida mitoetra ao amin'ny Fanahy**

"Davida, izay notarihan'ny Fanahy Masina." Midika izany fa ny Fanahy Masina no mampilaza izay lazain'i Davida.

**miantso Azy**

Eto ny "Azy" dia manondro an'i Kristy, izay taranak'i Davida ihany koa.

**Ny Tompo niteny**

Eto ny "Tompoko" dia ilazana ny Andriamanitra Ray.

**tamin'ny Tompoko**

Eto ny "Tompoko" dia ilazana an'i Kristy. Ary koa, ny mpisolotena tampisaka "-ko" dia manondro an'i Davida. Midika izany fa ambony noho i Davida i Kristy.

**amin'ny tanan'ankavanako**

Eto ny mpisolotena tampisaka "-ko" dia manondro an'Andriamanitra Ray. Ny "tanana ankavanana" matetika dia anehoana fitoeram-boninahitra.

**mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongtrao?**

Io dia fomba fiteny. DH: "mandra-pandreseko ny ireo fahavalonao" na "mandra-panaoko ireo fahavalonao hiankohoka eo anatrehanao"

**Matthew 22:45****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiakaran'ny tantaran'ireo mpitarika fivavahana niezaka ny hamandrika an'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fanontaniana saro-baliana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiakaran'ny fizaran-tanatara izay nanomboka tao amin'n 19:1, izay milaza ny nanaovan'i Jesosy asa fanompoana tany Jodia.

**Raha Davida aza miantso an'i Kristy hoe: 'Tompoko,' dia ahoana no maha-zanak'i Davida Azy?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampisainana tsara ireo mpitarika fivavahana ny amin'izay lazainy. DH: "Miantso Azy hoe 'Tompoko' i Davida, koa tsy maintsy hoe mihoatra noho ny taranak'i Davida izany i Jesosy"

**Raha Davida aza miantso an'i Kristy**

Niantsoa an'i Jesosy hoe "Tompoko" i Davida satria tsy taranak'i Davida fotsiny i Jesosy, fa mbola ambony noho izy ihany koa.

**nahavaly Azy tamin'ny teny**

Eto ny "teny" dia ilazana izay lazain'ny olona. DH: "namaly na inona na inona Azy" na "namaly Azy"

**nametra-panontaniana hafa intsony**

Ny hevitr'izany dia tsy nisy nanontany karazam-panontaniana izay natao mba hampiteny zavatra tsy mety Azy mba hahafahan'ireo mpitarika fivavahana misambotra Azy.

## Chapter 23

<sup>1</sup> Ary Jesosy niteny tamin'ireo vahoaka sy ireo mpianany. <sup>2</sup> Hoy Izy hoe: "Ireo mpanora-dalàna sy fariseo dia mipetraka eo amin'ny fitoeran'i Mosesy." <sup>3</sup> Noho izany na inona na inona handidian'izy ireo anareo ho atao, dia ataovy ireny zavatra ireny ka mitandrema azy ireo. Fa aza alaina tahaka ny asan'izy ireo, satria izy ireo dia miteny zavatra nefa avy eo tsy manao izany. <sup>4</sup> Eny, fehezin'izy ireo ny enta-mavesatra izay sarotra entina, ary avy eo dia apetrak'izy ireo eo amin'ny soroky ny olona. Fa tsy hanetsika ny ratsantanana iray akory ny tenan'izy ireo mba hitondra azy ireo. <sup>5</sup> Manao ny asany rehetra izy ireo mba ho hitan'ny olona. Fa ataon'izy ireo malalaka ny filakiterany, ary itarin'izy ireo ny moron'akanjony. <sup>6</sup> Tian'izy ireo ny toeran'ny manan-kaja any amin'ny fanasana sy ny toeran'ny lehibe ao amin'ny synagoga, <sup>7</sup> sy ny fiarahabana miavaka eny an-tsena, ary mba ho antsoin'ny olona hoe: 'Raby'. <sup>8</sup> Fa ianareo tsy azo antsoina hoe: 'Raby', fa iray ihany ny mpampianatrareo, ary mpirahalaha ianareo rehetra. <sup>9</sup> Ary aza miantso ny olona ety an-tany hoe rainareo, fa iray ihany ny Rainareo, ary Izy dia any an-danitra. <sup>10</sup> Ianareo aza mety antsoina hoe: 'Mpampianatra', fa iray ihany ny mpampianatrareo, dia i Kristy. <sup>11</sup> Fa izay lehibe indrindra aminareo no ho mpanomponareo. <sup>12</sup> Na iza na iza manandra-tena dia ahetry, ary na iza na iza manetry tena dia hasandratra. <sup>13</sup> Fa lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa arindrinareo amin'ny olona ny fanjankan'ny lanitra. Fa ianareo tsy mampiditra ny tenanareo, ary tsy avelanareo ireo izay mitady hiditra. <sup>14</sup><sup>15</sup> Lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fa mandeha mitety ny ranomasina sy ny tany ianareo mba hampiova fo ny olona iray, ary rehefa miova izy, dia ataonareo ny zanaky ny helo avo roa heny mihoatra noho ianareo izy. <sup>16</sup> Lozanareo, ry mpitarika jamba, ianareo izay milaza hoe: 'Na iza na iza mianiana amin'ny tempoly, dia tsy misy dikany izany. Fa na iza na iza mianiana amin'ny volamenan'ny tempoly, dia voafatotry ny fianianany izy.' <sup>17</sup> Ianareo ry jamba adala! Iza no lehibe kokoa, ny volamena sa ny tempoly izay manao ny volamena ho masina? <sup>18</sup> Ary, 'Na iza na iza mianiana amin'ny alitara, dia tsy misy dikany izany. Fa na iza na iza mianiana amin'ny fanatitra izay eo ambonin'izany, dia voafatotry ny fianianany izy.' <sup>19</sup> Ianareo ry olona jamba! Iza no lehibe kokoa, ny fanatitra sa ny alitara izay manao ny fanatitra ho masina? <sup>20</sup> Noho izany, izay mianiana amin'ny alitara, dia mianiana amin'izany sy amin'ny zavatra rehetra eo amboniny. <sup>21</sup> Ny iray izay mianiana amin'ny tempoly, dia mianiana amin'izany sy amin'izay monina ao aminy, <sup>22</sup> ary ny iray izay mianiana amin'ny lanitra, dia mianiana amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy aminy izay mipetraka eo ambonin'izany. <sup>23</sup> Lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina ianareo, fa ianareo dia tsy nankatoa ny raharaha mavesa-danja indrindra amin'ny lalàna- dia ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana. Fa ireo no tokony nataonareo ary tsy tokony navelanareo ho tsy vita ny iray hafa. <sup>24</sup> Ianareo ry mpitarika jamba, ianareo izay manivana ny lalitra nefa mitelina rameva! <sup>25</sup> Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa diovinareo ny ivelan'ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatin'ny dia feno fitsiriritana sy filana. <sup>26</sup> Ianareo ry fariseo jamba! Diovy aloha ny ao anatin'ny kapoaka sy ny lovia, mba ho lasa madio ihany koa ny ivelany. <sup>27</sup> Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy; izay tsara ivelany, fa ny ao anatin'ny kosa dia feno ny taolam-paty sy ny loto rehetra. <sup>28</sup> Toy izany ihany koa, ety ivelany ianareo miseho ho marina eo amin'ny olona, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy heloka. <sup>29</sup> Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa manorina ny fasan'ny mpaminany ianareo ary manaingo ny fasan'ny olo-marina. <sup>30</sup> Hoy ianareo hoe: 'Raha niaina tamin'ny andron'ny razambetsika isika, dia tsy ho nandray anjara niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fandatsahana ny rà'n'ny mpaminany isika'. <sup>31</sup> Noho izany dia mijoro vavolombelona amin'ny tenanareo ianareo fa zanak'ireo izay namono ny mpaminany. <sup>32</sup> Ianareo ihany koa dia nahafeno ny fahotan'ireo razambenareo <sup>33</sup> Ianareo ry bibilava, ianareo ry taranaky ny menarana, ahoana no handosiranareo ny fanamelohana ho any amin'ny helo? <sup>34</sup> Noho izany, indro, maniraka mpaminany sy olon-kendry ary mpanora-dalàna ho anareo Aho. Ny sasany amin'izy ireo dia ho vonoinareo sy hombohanareo; ary ny sasany ho kapohinareo ao amin'ny synagoganareo ary handroaka azy hiala ao antanàna. <sup>35</sup> Ny vokatr'izany dia hanody anareo ny rà marina rehetra izay nalatsaka teto an-tany, nanomboka tamin'ny rà'n'i Abela marina, ka hatramin'ny rà'n'i Zakaria zanak'i Barakia, izay novonoinareo teo anelanelan'ny fitoerana masina sy ny Alitara. <sup>36</sup> Lazaiko marina aminareo, fa ny zavatra rehetra dia ho tonga amin'ity taranaka ity. <sup>37</sup> Ry Jerosalema, ry Jerosalema, ianao izay mamono ny mpaminany sy mitorabato izay irahina ho aminao! Impiry Aho no maniry ny hanangona ny zanakao miaraka, tahaka ny akoho vavy iray manangona ny akoho kely ao ambany elany, nefa tsy nety ianareo! <sup>38</sup> Indro, ny tranonareo no avela ho lao ho anareo. <sup>39</sup> Fa lazaiko aminareo, hatramin'izao, tsy hahita Ahy tokoa ianareo mandrapilazanareo hoe: 'Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo.'"

---

**Footnotes**


---

23:14 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny antotan-taratasy taloha dia tsy ahitana ny fehezanteny hoe: 'Fa lozanareo, ry mpanora-dalàna sy ny fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mandany ny tranon'ny mpitondra tena, ary manao vavaka lavareny ianareo. Noho izany dia hahazo fanamelohana lehibe ianareo.'

---

**Matthew 23:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay mitohy hatrany amin'ny 25:44, izay ampianaran'i Jesosy momba ny famonjena sy ny fitsarana farany. Eto Izy dia manomboka mampitandrina ireo vahoaka ny amin'ireo mpanora-dalàna sy ireo fariseo.

**mipetraka eo amin'ny fitoeran'i Mosesy**

Eto ny "fitoerana" dia maneho fahefana ny hanapaka sy hitsara. DH: "manana fahefana tahaka ny nananan'i Mosesy" na "manana fahefana ny hilaza ny hevitra ny lalàn'i Mosesy"

**na inona na inona**

"izay rehetra"

**Matthew 23:4****fehezin'izy ireo ny enta-mavesatra izay sarotra entina, ary avy eo dia apetrak'izy ireo eo amin'ny soroky ny olona**

Eto ny "enta-mavesatra" dia ireo fitsipika maro izay noforonin'ireo mpitarika fivavahana. DH: "asain'izy ireo mankatoa fitsipika maro izay ssotra arahina ianareo"

**tsy hanetsika ny ratsan-tanana iray akory ny tenan'izy ireo**

Eto ny hoe "hanetsika ny ratsan-tanany iray" dia sarin-teny ilazana ny fanampiana. DH: "tsy mba hanome izay fanampiana kely indrindra izy ireo"

**Manao ny asany rehetra izy ireo mba ho hitan'ny olona**

Azo atao hoe DH: "Izy ireo dia manao ny asan'izy ireo mba ho hitan'ny olona izay ataon'izy ireo"

**Fa ataon'izy ireo malalaka ny filakiterany, ary itarin'izy ireo ny moron'akanjony**

Ireo zavatra anankiroa ireo no ataon'ireo Fariseo mba hisehoana toy ny hoe manome haja an'Andriamanitra mihoatra ny olona hafa izy ireo.

**filakiterany**

Vata kely vita amin'ny hoditra izay misy taratasy misy ny soratra masina voarakitra eo.

**itarin'izy ireo ny moron'akanjony**

Ireo Fariseo dia manisy morony lava eo amin'ny akanjo lavany mba hampisehoana ny fanoloran-tenan'izy ireo amin'Andriamanitra.

**Matthew 23:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miresaka amin'ireo vahoaka sy ireo mpianatra momba ireo Fariseo i Jesosy.

**toeran'ny manan-kaja ... toeran'ny lehibe ao**

Ireo toerana roa ireo dia samy toerana ipetrahan'ireo olona manan-kaja avokoa.

**tsena**

Toerana lehibe, ankalamanjana izay hividianan'ny olona sy hivarotany zavatra.

**Matthew 23:8****tsy azo antsoina hoe**

Azo atao hoe DH: "Fa ianareo dia tsy tokony hamela na iza na iza hiantso anareo hoe"

**ianareo**

Manondro ireo mpanara-dia an'i Jesosy avokoa ny "ianareo" rehetra eto.

**mpirahalahy ianareo**

Eto ny hoe "mpirahalalahy ianareo" dia midika hoe "mpiray finoana"

**aza miantso ny olona ety an-tany hoe rainareo**

"Aza miantso na iza na iza ety an-tany hoe rainareo" na "aza miteny hoe rainareo ny olona rehetra ety an-tany"

**iray ihany ny Rainareo**

Ny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**aza mety antsoina hoe**

Azo adika hoe DH: "Ary koa, aza mamela na iza na iza hiantso anareo hoe"

**iray ihany ny mpampianatrareo, dia i Kristy**

Tamin'ny niteny i Jesosy hoe "Kristy," dia nilaza ny amin'ny tenany ihany Izy. DH: "Izaho, Kristy, no mpampianatra tokanareo"

**Matthew 23:11****izay lehibe indrindra aminareo**

"ny olona izay manan-danja indrindra aminareo"

**aminareo**

Manondro ireo mpanara-dia an'i Jesosy ny hoe "aminareo" eto.

**manandra-tena**

"manao ny tenany ho lehibe"

**dia ahetry**

Azo atao hoe DH: "hahetrin'Andriamanitra"

**dia hasandratra**

Azo atao hoe DH: "hataon'Andriamanitra lehibe" na "homen'Andriamanitra voninahitra"

**Matthew 23:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka miteny mafy an'ireo mpitarika fivavahana i Jesosy nohon'ny fihatsarambelatsihin'izy ireo.

**Fa lozanareo**

"fa ho loza mahatsiravina ho anareo!"

**Fa arindrinareo amin'ny olona ny fanjangan'ny lanitra**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "Sakananareo izy ireo tsy hanaiky ny Andriamanitsika ho mapanjakan'izy ireo"

**ianareo tsy mampiditra ny tenanareo**

"tsy manaiky handray an'Andriamanitra ho mpanjakanareo ianareo"

**ary tsy avelanareo ireo izay mitady hiditra**

"ary tsy avelanareo ireo izay te handray an'Andriamanitra ho mpanjakan'izy ireo mba hanao izany"

**mandeha mitety ny ranomasina sy ny tany ianareo**

Io dia fomba fiteny izay midika hoe mandeha any amin'ny toerana lavitra. DH: "mandeha lavitra be ianareo"

**mba hampiova fo ny olona iray**

"mba hampanaiky ny olona iray ny fivavahanareo"

**zanaky ny helo**

Eto ny hoe "zanaky" dia fomba fiteny izay midika hoe "an'ny." DH: "olona izay an'ny helo" na "olona izay tokony ho any amin'y helo"

**mandany ny tranon'ny mpitondra tena**

Ao amin'ny fanamarihana, ny hoe "mandany" dia fomba fiteny izay midika hoe maka an-keriny. DH: "mangalatra ny zava-drehetra amin'ireo vehivavy izay tsy manana lehilahy hiaro azy ireo"

**Matthew 23:16****mpitarika jamba ... jamba adala!**

Jamba ara-panahy ireo mpitarika Jiosy. Na dia nihevi-tena ho mpampianatra aza izy ireo, dia tsy afaka nahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra. Jereo ny fomba nandikanao ny hoe "mpitarika jamba" ao amin'ny 15:12.

**amin'ny tempoly, dia tsy misy dikany izany**

"amin'ny tempoly dia tsy voatery hitazona ny voadiny"

**voafatotry ny fianianany izy**

"voafatotra amin'ny voadiny." Ny hoe tsy maintsy manao izay nolazain'ny olona iray tamin'ny voadiny dia lazaina ho toy ny hoe voafatotra amin'ilay voady izy. DH: "tsy maintsy manao izay nampanantenainy hatao"

**Iza no lehibe kokoa, ny volamena sa ny tempoly izay manao ny volamena ho masina?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hananarana ireo Fariseo satria noraisin'izy ireo ho zava-dehibe kokoa noho ny tempoly ilay volamena. DH: "Ny tempoly izay nanokana ny volamena ho an'Andriamanitra dia lehibe kokoa noho ny volamena!"

**ny tempoly izay manao ny volamena ho masina**

"ny tempoly izay manao ny volamena dia an'Andriamanitra ihany"

**Matthew 23:18****Ary**

Azo atao mazava kokoa ny hevitra izay efa voaray. DH: "Ary lazainareo ihany koa"

**tsy misy dikany izany**

"tsy mila manao izay nianianany hatao izy" na "tsy mila mitazonany voadiny izy"

**fanatitra**

Biby na voan-java-maniry izay haterin'olona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fametrahana izany eo amin'ny alitaran'Andriamanitra.

**voafatotry ny fianianany**

"voafatotra amin'ny voadiny." Ny hoe tsy maintsy manao izay nolazain'ny olona iray tamin'ny voadiny dia lazaina ho toy ny hoe voafatotra amin'ilay voady izy. DH: "tsy maintsy manao izay nampanantenainy hatao"

**olona jamba**

Jamba ara-panahy ireo mpitarika Jiosy. Na dia nihevi-tena ho mpampianatra aza izy ireo, dia tsy afaka nahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra.

**iza no lehibe kokoa, ny fanatitra sa ny alitara izay manao ny fanatitra ho masina?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jesosy mba hananarana ireo Fariseo satria noraisin'izy ireo ho zava-dehibe kokoa noho ny alitara ireo fanatitra. DH: "Ny alitara izay mahatonga ny fanatitra ho masina dia lehibe kokoa noho ny fanatitra!"

**ny alitara izay manao ny fanatitra ho masina**  
"ny alitara izay mahatonga ny fanatitra ho hafa mihitsy amin'Andriamanitra.

### Matthew 23:20

**amin'ny zavatra rehetra eo amboniny**  
"amin'ireo fanatitra rehetra izay napetraky ny olona teo amin'izany"

**amin'izay monina ao aminy ... aminy izay mipetraka eo ambonin'izany**  
Ireo roa ireo dia samy maneho an'Andriamanitra.

### Matthew 23:23

**Lozanareo**  
"Loza mahatsiravina ho anareo!" Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:20.

**solila sy ny aneta ary ny komina**  
Ireo dia ravina sy voan-java-maniry isan-karazany izay ampisain'ny olona hampatsiro ny sakafo.

**fa ianareo dia tsy nankatoa**  
"navelanareo tsy ho vita"

**ny raharaha mavesa-danja indrindra**  
"ny zavatra manan-danja kokoa"

**Fa ireo no tokony nataonareo**  
"Tokony nankatoa ireo lalàna manan-danja kokoa ireo ianareo"

**ary tsy tokony navelanareo ho tsy vita ny iray hafa**  
Azo atao hoe DH: "ary mankatoa ireo lalàna tsy dia manan-danja ihany koa"

**Ianareo ry mpitarika jamba**  
Mampiasa io sarin-teny io i Jesosy mba hamaritana ireo Fariseo. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia tsy azon'ireo Fariseo ireo didin'Andriamanitra sy ny fomba hahazoana sitraka Aminy. Noho izany, dia tsy afaka mampianatra ny hafa ny fomba ahazoana sitraka Aminy izy ireo. Jereo ny fomba nandikanao io sarin-teny io ao amin'ny 15:12.

**ianareo izay misivana ny lalitra nefa mitelina rameva**  
Ny fitandremana mafy mba hanaraka ireo lalàna tsy dia manan-danja ary ny tsy fahalalana ireo lalàna manan-danja kokoa dia fahadalana toy ny fitelomana ny biby maloto kely indrindra kanefa mihinana ny henan'ny biby maloto lehibe indrindra, na fanahy iniana na tsia. DH: "ianareo dia adala toy

ny olona iray izay manivana lalitra iray izay latsaka ao amin'ny verany kanefa mitelina rameva"

**manivana ny lalitra**  
Ny dikan'izany dia mandraraka rano amin'ny lamba mba hanesorana lalitra amin'ny zava-pisotro.

**lalitra**  
biby kely manidina

### Matthew 23:25

**Loza ho anareo**  
"Loza mahatsiravina ho anareo!" Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 11:20.

**Fa diovinareo ny ivelan'ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatin'ny dia feno fitsiriritana sy fahononana**  
Io dia sarin-teny izay midika hoe miseho ho madio eny ivelany ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo, saingy ao anatin'izy ireo dia ratsy fanahy izy ireo.

**feno fitsiriritana sy filana**  
"mitady izay ananan'ny hafa izy ireo, ary miasa ho an'ny tombotsoan'ny tenany ihany"

**Ianareo ry fariseo jamba**  
Jamba ara-panahy ireo mpitarika Jiosy. Na dia nihevi-tena ho mpampianatra aza izy ireo, dia tsy afaka nahatakatra ny fahamarinan'Andriamanitra.

**Diovy aloha ny ao anatin'ny kapoaka sy ny lovia, mba ho lasa madio ihany koa ny ivelany**  
Io dia sarin-teny izay midika fa raha tonga madio ao anaty izy ireo, dia ho lasa madio ivelany ihany koa vokatr'izany.

### Matthew 23:27

**ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy ... loto**  
Io dia fampitahana izay midika hoe miseho ho madio eny ivelany ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo, saingy ao anatin'izy ireo dia ratsy fanahy izy ireo.

**fasana voalalotra fotsy**  
"fasana izay nisy nadoko fotsy." Nolakoin'ireo Jiosy fotsy ireo fasana mba ho mora hitan'ny olona ka hitandrina tsy hikasika izany izy ireo. Ny fikasihana fasana dia mandoto ny olona araka ny fomba.

### Matthew 23:29

**olo-marina**  
Ny mpamaritra anarana dia azo adika ho mpamari-toetra. DH: "ireo olona izay marina"

**tsy ho nandray anjara niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fandatsahana ny rà'n'ny mpaminany isika**  
"tsy ho niaraka tamin'ireny isika"

**fandatsahana ny rà'n'ny**  
Eto ny "rà dia ilazana ny aina. Ny mandatsa-drà dia midika hoe mamono. DH: "mamono"

**zanak'ireo**

Eto ny "zanaka" dia midika hoe "taranaka"

**Matthew 23:32****Ianareo ihany koa dia nahafeno ny fahotan'ireo razambenareo**

Mampiasa ity sarin-teny ity i Jesosy, izay midika hoe ho vitain'ireo Fariseo ny asa ratsy izay natomboky ny raiben'izy ireo tamin'ny namonoan'izy ireo ny mpaminany. DH: "Vitainareo ihany koa ny fahotana izay natombok'ireo razambenareo"

**Ianareo ry bibilava, ianareo ry taranaky ny menarana**

Ny bibilava sy ny menarana dia mitovy ihany. Loza be ireo ary matetika dia anehoana ny ratsy. DH: "Ianareo dia ratsy toy ny bibilava loza be sady feno poizina"

**taranaky ny menarana**

Eto ny hoe "taranaka" dia midika hoe "manana ny toetoetry ny." Jereo ny fomba nandikanao ny teny mitovy amin'izany ao amin'ny 3:7.

**ahoana no handosiranareo ny fanamelohana ho any amin'ny helo?**

Mampiasa io fanontanina io i Jesosy mba hananarana. DH: "tsy misy fomba handosiranareo ny fanamelohana ho any amin'ny helo!"

**Matthew 23:34****maniraka ... Aho**

"handefa ... Aho." Eto ny hoe "aho" dia manondro an'i Jesosy.

**anody anareo ny rà marina rehetra izay nalatsaka teto an-tany**

Ny teny hoe "hanody anareo" dia fomba fiteny izay midika fahazoana famaizana. Ary ny "rà" dia ilazana ny ain'ny olona iray. Ny mandatsa-drà dia midika hoe mamono. DH: "Hanafay anareo nohon'ny famonoana ireo olo-marina Andriamanitra"

**nanomboka tamin'ny rà'n'i ... hatramin'ny rà'n'i**

Ny teny hoe "rà" dia ilazana ny ain'ny olona iray. Eto io dia midika "fandatsahan-drà" na vono-olona. DH: "nanomboka tamin'ny famonoana an'i ... hatramin'ny famonoana an'i"

**Abela ... Zakaria**

I Abela no niharan'ny famonoana voalohany indrindra, ary Zakaria no heverina fa farany vaovono. Ireo lehilahy anankiroa ireo no misolo-tena ireo olo-marina vaovono.

**Zakaria**

Tsy io Zakaria io ilay rain'i Jaona Mpanao Batisa.

**izay novonoinareo**

Tsy milaza akory i Jesosy fa ireo olona izay iresahany no tena namono an'i Zakaria. Ny tiany ho lazaina dia ireo razamben'izy ireo no nanao izany.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**Matthew 23:37****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mitomany an'ireo olon'i Jerosalema i Jesosy satria lavin'izy ireo ny mpitondra hafatra rehetra izay irahin'Andriamanitra amin'izy ireo.

**Ry Jerosalema, ry Jerosalema**

Jesosy dia miresaka amin'ireo vahoakan'i Jerosalema toy ny hoe ilay tanàna mihitsy izy ireo.

**izay irahina ho amina**

Azo atao hoe DH: "ireo izay irahin'Andriamanitra"

**zanakao**

Ataon'i Jesosy toy ny hoe vehivavy i Jerosalema ary ny vahoaka no zanany. DH: "ny vahoakanao" na "ireo mponinao"

**tahaka ny akoho vavy iray manangona ny akoho kely ao ambany elany**

Io dia fampitahana izay mananamafy ny fitiavan'i Jesosy ireo olona sy ny fitiavany te hikorakara azy ireo.

**akoho vavy**

Azonao andikana azy avokoa ireo biby izay miaro ireo zanany ao ambany elany.

**ny tranonareo no avela ho lao ho anareo**

"Ho avelan'Andriamanitra ny tranonareo, ary ho foana izay"

**ny tranonareo**

Ireo mety ho heviny dia 1) "ny tanànan'i Jerosalema"na 2) "ny tempoly"

**lazaiko aminareo**

Manamafy izay lazain'i Jesosy manaraka io.

**Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo**

Eto ny hoe "amin'ny anaran'ny" dia midika hoe "amin'ny herin'ny" na "amin'ny maha mpisolo-tena." DH: "Isaorana Izy izay tonga amin'ny herin'ny Tompo" na "Hisarorana anie Izy izay tonga ho mpisolo-tenan'ny Tompo." Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny 21:19.





## Chapter 24

<sup>1</sup> Nivoaka ny tempoly Jesosy ary lasa nandeha. Nanatona Azy ireo mpianany mba hanoroana Azy ny rafitry ny tempoly. <sup>2</sup> Nefa namaly Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy hitanareo va ireo zavatra rehetra ireo? Lazaiko marina aminareo, tsy hisy vato ho tavela amin'ny iray hafa izay tsy ho ravàna." <sup>3</sup> Raha nipetraka teo an-tendrombohitra Oliva Izy, dia nanatona Azy mangingina ireo mpianany ary niteny hoe: "Lazao anay, rahoviana ireo zavatra rehetra ireo no hitranga? Inona no famantarana ny fahatongavana sy ny farandro?" <sup>4</sup> Namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Mitandrema mba tsy hisy hamitaka anareo". <sup>5</sup> Fa ho maro ny ho avy amin'ny anarako. Ary hiteny izy ireo hoe: 'Izaho no Kristy,' ary maro no ho voafitaka. <sup>6</sup> Handre ady sy tatitr'ady ianareo. Mitandrema mba tsy hitebiteby ianareo, fa tsy maintsy hitranga izany zavatra rehetra izany; nefa tsy mbola tonga ny farany. <sup>7</sup> Fa hisy firenena hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana. Hisy mosary sy horohoron-tany amin'ny toerana samihafa. <sup>8</sup> Nefa izany zavatra rehetra izany dia fiandoahan'ny fanaintanian'ny fiterahana fotsiny ihany. <sup>9</sup> Ka ho atolotr'izy ireo ho amin'ny fahoriana ianareo ary ho vonoiny. Ho halan'ny firenena rehetra ianareo nohon'ny anarako. <sup>10</sup> Ary maro ny ho tafintohina, ary hifamadika sy hifankahala ny tsirairay. <sup>11</sup> Mpaminany sandoka maro no hitsangana ka hamitaka olona maro. <sup>12</sup> Satria ny faharatsiana dia hitombo, ary hihamangatsika ny fitiavan'ny maro. <sup>13</sup> Fa ilay iray izay miharitra hatramin'ny farany dia ho voavonjy. <sup>14</sup> Ity filazantsaran'ny fanjakana ity dia ho toriana erak'izao tontolo izao ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra. Avy eo dia ho tonga ny farany. <sup>15</sup> Noho izany, raha mahita ny fahavetavetan'ny fandravana ianareo, izay nolazain'i Daniela mpaminany, dia hitsangana eo amin'ny toerana Masina ianareo" (aoka ny mpamaky hahatakatra), <sup>16</sup> "Aoka ireo izay any Jodia handositra ho any an-tendrombohitra, <sup>17</sup> aoka izay ao an-tampon'ny trano tsy hidina haka zavatra avy ao an-tranony, <sup>18</sup> ary aoka izay any an-tsaha tsy hiverina haka ny lambany. <sup>19</sup> Fa loza ho an'ireo bevohoka sy mampinono amin'izany andro izany! <sup>20</sup> Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina na amin'ny Sabata no hitranga ny fandosiranareo. <sup>21</sup> Fa hisy fahoriana lehibe, izay tsy mbola nisy toy izany hatrany am-piandohan'izao tontolo izao mandrak'anketritry, tsia, ary tsy hisy intsony. <sup>22</sup> Raha tsy afohezina ireo andro ireo, dia tsy hisy nofo ho vonjena. Fa nohon'ny olom-boafidy, dia hafahezina ireo andro ireo. <sup>23</sup> Fa raha misy olona miteny anareo hoe: 'Indro, ity ilay Kristy' na, 'iry ilay Kristy' dia aza mino izany. <sup>24</sup> Fa ny Kristy sandoka sy ny mpaminany sandoka dia ho avy ary hampiseho fahamatrana lehibe sy zava-mahagaga, mba hamitaka, raha azo atao, eny fa na ireo olom-boafidy aza. <sup>25</sup> Indro, efa nolazaiko anareo mialohan'ny fotoana. <sup>26</sup> Noho izany, raha miteny anareo izy ireo hoe: 'indro, any an-efitra izy,' dia aza makany an-efitra. Na hoe 'indro, any anaty efitrano izy' dia aza mino izany. <sup>27</sup> Fa toy ny varatra izay mitselatra avy any antsinana ka mazava hatrany andrefana, dia tahaka izany ny fihavian'ny Zanak'Olona. <sup>28</sup> Na aiza na aiza misy biby maty, dia any no hiangonan'ny voltora. <sup>29</sup> Ary raha vao afaka ny fahoriana amin'ireo andro ireo dia ho maizina ny masoandro, tsy hanome ny hazavany ny volana, hilatsaka avy any an-danitra ny kintana, ary hihozongozona ny herin'ny lanitra. <sup>30</sup> Avy eo dia hiseho eny amin'ny lanitra ny famantaran'ny Zanak'Olona, ary ny foko rehetra ambonin'ny tany hisaona. Hahita ny Zanak'Olona tonga amin'ny rahon'ny lanitra miaraka amin'ny hery sy voninahitra lehibe Izy ireo. <sup>31</sup> Handefa ireo anjelin'ny Izy miaraka amin'ny feo trompetra mafy, ary hanangona ny olom-boafidiny avy any amin'ny vazan-tany efatra izy ireo, manomboka amin'ny faravodilanitra ka hatrany amin'ny hafa. <sup>32</sup> Mianara ny lesona avy amin'ny aviavy. Raha vantany vao matoy ny sampana ary mamoaka ny raviny, dia fantatrareo fa manakaiky ny fahavaratra. <sup>33</sup> Toy izany ihany koa, raha mahita izany zavatra rehetra izany ianareo, dia tokony ho fantatrareo fa efa akaiky Izy, eo amin'ireo vavahady mihitsy. <sup>34</sup> Lazaiko marina aminareo, fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pisehon'izany rehetra izany. <sup>35</sup> Tsy hisy intsony ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko dia tsy mba ho levona mandrakizay. <sup>36</sup> Kanefa ny mahakasika izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala, na ny Anjelin'ny lanitra aza, na ny Zanak'Olona, fa ny Ray ihany. <sup>37</sup> Toy ny tamin'ny andron'i Noa, dia tahaka izany ihany koa ny fihavian'ny Zanak'Olona. <sup>38</sup> Fa toy ny tamin'ireo andro mialohan'ny safo-drano dia nihinana sy nisotro izy ireo, nanambady sy nampakarina mandrapahatongan'ilay andro nidiran'i Noa tao anatin'ilay sambo fiara, <sup>39</sup> ary tsy nahafantatra na inona na inona izy ireo mandra-pahatongan'ny safo-drano ka nandringana azy rehetra- dia tahak'izany ny fihavian'ny Zanak'Olona. <sup>40</sup> Avy eo hisy lehilahy roa eny an-tsaha - ny iray ho raisina, ary ny iray ho avela. <sup>41</sup> Vehivahy roa no hitoto vary- ny iray ho raisina, ary ny iray ho avela. <sup>42</sup> Noho izany dia miambena, fa tsy fantatrareo izay andro hiavian'ny Tomponareo <sup>43</sup> Fa fantaro izao, raha fantatry ny tompon-trano hoe amin'ny firy alina no hiavian'ny mpangalatra, dia ho niambina izy ary tsy namela ny tranony ho vaky. <sup>44</sup> Noho izany dia tsy maintsy mivonona ihany koa ianareo, fa ho avy ny Zanak'Olona amin'ny ora tsy ampoizinareo. <sup>45</sup> Koa iza moa ilay mpanompo mahatoky sy hendry izay notenendren'ny tompony hanapaka ny ankohonany mba hanomezana azy ireo ny sakafon'izy ireo amin'ny fotoana mety? <sup>46</sup>

Sambatra izany mpanompo izany izay hitan'ny Tompony fa manao izany rehefa tonga izy. <sup>47</sup> Lazaiko marina aminareo fa ny tompony no hanapaka azy ho ambonin'ny zavatra rehetra izay ananany. <sup>48</sup> Fa raha misy mpanompo ratsy miteny ao am-pony hoe: 'Ela fiavy ny tompoko', <sup>49</sup> ka manomboka mamono ireo manompo namany, sy mihinana ary misotro miaraka amin'ireo mpimamo; <sup>50</sup> dia ho avy ny tompon'ilay mpanompo amin'ny fotoana izay tsy ampoiziny ary amin'ny ora izay tsy fantany. <sup>51</sup> Dia ho kapakapain'ny tompony izy ary ho ataony toy ny an'ireo mpihatsaravelatsy ny anjarany, izay hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify.

### Matthew 24:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manomboka mamaritra ireo tranga izay hiseho mialohan'ny ahatsorahany indray amin'ny andro farany i Jesosy.

#### Nivoaka ny tempoly

Tsy tao anatin'ilay tempoly i Jesosy. Teo amin'ny tokontany manodidina ny tempoly Izy.

#### Tsy hitanareo va ireo zavatra rehetra ireo?

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampisainana tsara ireo mpianany ny amin'izay ho lazainy amin'izy ireo. DH: "Mamelà Ahy hilaza zavatra aminareo momba ireo fanorenana ireo"

#### Lazaiko marina aminareo

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

#### tsy hisy vato ho tavela amin'ny iray hafa izay tsy ho ravàna

Misy hevitra ambadika izany fa hisy miaramila fahavalo handrava ireo vato. Azo adika hoe DH: "Rehefa tonga ireo miaramila fahavalo, dia handrava ny vato rehetra eo amin'ireo fanorenana ireo izy ireo"

### Matthew 24:3

#### Inona no famantarana ny fahatongavanao sy ny fara-andro?

Eto ny hoe "fahatongavanao" dia ilazana ny fiverenan'i Jesosy amin'ny hery, hametraka ny fiandrianan'Andriamanitra eto an-tany ary hanapitra izao andro izao.

#### Mitandrema mba tsy hisy hamitaka anareo

"Mitandrema mba tsy hino an'iza na iza izay mandainga aminareo momba ireo zavatra ireo"

#### maro ny ho avy amin'ny anarako

Eto ny "anarako" dia ilazana ny hoe "amin'ny fahefana" na hoe "ho mpisolo-tena" ny olona iray. DH: "maro ireo hilaza fa tonga amin'ny ho mpisolo-tenako" na "maro ireo hiteny ho Ahy"

### Matthew 24:6

#### Mitandrema mba tsy hitebiteby ianareo

Azo atao hoe DH: "Aza avela hampitebiteby anareo ireny zavatra ireny"

#### Fa hisy firenena hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana

Samy mitovy dika ireo zavatra roa ireo. Tsindrian'i Jesosy fa hiady ny olona eny rehetra eny.

#### fiandoahan'ny fanaintainan'ny fiterahana

Maneho ny fanaintainana tsapan'ny vehivavy iray alohan'ny fiterahan-jaza io. Io sarin-teny io dia midika fa ireo ady, mosary, ary horohoron-tany ireo dia fiandoahan'ny tranga izay hitondra any amin'ny fara-andro fotsiny.

### Matthew 24:9

#### ho atolotr'izy ireo ho amin'ny fahoriana ianareo ary ho vonoiny

"hanolotra anareo ho any amin'ny manam-pahefana izay hampijaly sy hamono anareo ny olona"

#### Ho halan'ny firenena rehetra ianareo

Eto ny "firenena" dia ilazana ireo olona ao amin'ny firenena. Azo atao hoe DH: "Hankahala anareo ny olona avy amin'ny firenena rehetra"

#### nohon'ny anarako

Eto ny "anarana" dia ilazana ny ilay olona manontolo. DH: "satria mino Ahy ianareo"

#### hitsangana

"ho avy"

### Matthew 24:12

#### ny faharatsiana dia hitombo

Azo atao hoe DH: "hanota hatrany hatrany ny olona"

#### hihamangatsika ny fitiavan'ny maro

Ireo mety ho dikany dia 1) "maro ny olona tsy ho tia ny olona hafa intsony" na 2) "maro ny olona tsy hitia an'Andriamanitra intsony."

#### ilay iray izay miharitra

"na iza na iza no mijanona ho mahatoky"

**hatramin'ny farany**

Tsy mazava eto ny dikan'ny "farany" raha hoe rehefa maty ilay olona, na rehefa tapitra ny fanenjehana, na rehefa tonga ny fara-andro izay hisehoan'Andriamanitra amin'ny maha-mpanjaka Azy. Ny hevi-dehibe eto dia maharitra ela araka izay ilaina izy ireo

**ho voavonjy**

Azo atao hoe DH: "Hanafaka izany olona izany Andriamanitra"

**Ity filazantsaran'ny fanjakana ity dia ho toriana**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra amin'ny maha-mpanjaka Azy. DH: "Hilaza izany hafatra momba ny didin'Andriamanitra izany ny olona"

**firenena rehetra**

Eto ny "firenena" dia ilazana ny olona. DH: "ny olona rehetra avy any amin'ny toerana rehetra"

**Avy eo dia ho tonga ny farany**

"Fahataperan'izao tontolo izao" na "Fara-andro"

**Matthew 24:15****fahavetavetan'ny fandravana**

"ilay iray mahamenatra izay mandoto ny zavatra izay an'Andriamanitra"

**izay nolazain'i Daniela mpaminany**

Azo atao hoe DH: "Izy nosoratan'i Daniela"

**aoka ny mpamaky hahatakatra**

Tsy Jesosy no miteny eo. Nampian'i Matio an'io mba hanairana ny mpamaky fa nampiasa teny izay mila saintsainin'izy ireo ary adikan'izy ireo i Jesosy.

**aoka izay ao an-tampon'ny trano**

Ny tampon'ny trano izay nipetrahan'i Jesosy dia fisaka, ary afaka nitsanga teo ambonin'izany ny olona.

**Matthew 24:19****amin'izany andro izany**

"amin'izany fotoana izany"

**hitranga ny fandosiranareo**

"mba tsy handositra" na "mba tsy hitsoaka"

**ririnina**

"ilay vanim-potoana mangatsiaka"

**Raha tsy afohezina ireo andro ireo, dia tsy hisy nofo ho vonjena**

Azo atao hoe DH: "Raha tsy afohezin'Andriamanitra ny andron'ny fahoriana, dia ho faty avokoa ny olon-drehetra"

**nofo**

"olona." Eto ny hoe "nofo" dia fomba kanto ilazana ny olona.

**afohezina ireo andro ireo**

Azo adika hoe "Andriamanitra hanafohy ny andron'ny fahoriana"

**Matthew 24:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miresaka amin'ireo mpianany i Jesosy.

**aza mino izany**

"aza mino ireo zavatra diso izay lazain'izy ireo aminareo"

**mba hamitaka**

Fomba fiteny io. DH: "mab hahatonga ny olona tsy hankatoa an'Andriamanitra"

**hamitaka, raha azo atao, eny fa na ireo olom-boafidy aza**

Azo adika ho fehezanteny misaraka io. DH: "hamitaka. Raha azo atao, dia hahatonga ireo voafidy tsy hankatoa an'Andriamanitra mihitsy aza izy ireo"

**Matthew 24:26****raha miteny anareo izy ireo hoe: 'indro, any an-efitra izy,'**

Azo adika hoe DH: "raha misy miteny aminao hoe any an'efitra i Kristy"

**Na hoe 'indro, any anaty efitrano izy'**

Azo adika hoe DH: "Na, raha misy olona miteny aminao hoe any anaty efitrano i Kristy"

**any anaty efitrano**

"any anaty efitra mangingina" na "any anaty toerana mangingina"

**toy ny varatra izay mitselatra ... tahaka izany ny fihavian'ny**

Midika izany fa ho avy faingana dia faingana ny Zanak'Olona ary ho mora hita Izy.

**Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**Na aiza na aiza misy biby maty, dia any no hiangonan'ny voltora**

Mety ho ohabolana izay fantatry ny olona tamin'ny andron'i Jesosy io. Ireo mety ho dikany dia 1) Rehefa tonga ny Zanak'Olona, dia hahita Azy ny olon-drehetra ary hahafantatra fa efa tonga Izy, na 2) na aiza na aiza misy ny olona maty ara-panahy, dia any koa no hisy mpaminany sandoka hilaza lainga amin'izy ireo.

**voltora**

Vorona izay mihinana ny fatin'ireo zava-manan'aina

**Matthew 24:29**

**raha vao**  
"avy hatrany"

**ny fahoriana amin'ireo andro ireo**  
"izany andron'ny fahoriana izany"

**ho maizina ny masoandro**  
Azo atao hoe DH: "Hohamaizinin'Andriamanitra ny masoandro"

**hihozongozona ny herin'ny lanitra**  
Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia hanozongozona ny zavatra any an-danitra sy ambonin'ny lanitra"

**Matthew 24:30**

**Zanak'Olona ... Izy**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**ny foko rehetra**  
Eto ny "foko" dia ilazana ireo olona. DH: "ny olona rehetra ao amin'ilay foko" na "ny olona rehetra"

**Handefa ireo anjelin'ny Izy miaraka amin'ny feo trompetra mafy**  
"Rehefa maneno ny trompetra, dia handefa ireo anjelin'ny Izy" na "Rehefa mitsoka ny trompetra ireo anjely, dia handefa ireo anjelin'ny Izy"

**hanangona**  
"hanangona ... ireo anjelin'ny"

**olom-boafidiny**  
Ireo no olona izay nofidian'ny Zanak'Olona.

**avy any amin'ny vazan-tany efatra izy ireo, manomboka amin'ny faravodilanitra ka hatrany amin'ny hafa**  
Samy mitovy hevitra ireo. Ireo dia fomba fiteny izay midika hoe "avy eny rehetra eny." DH: "manerana izao tontolo izao"

**Matthew 24:32**

**efa akaiky Izy**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. DH: "efa akaiky ny andro ahatongavako"

**eo amin'ireo vavahady mihitsy**  
"akaikin'ny vavahady." Mampiasa kisarisarina mpanjaka na olo-mana-kaja manakaiky ny vavahadin'ny tanàna mimanda i Jesosy. Io dia sarinteny izay midika fa efa akaiky ny fotoana hiavian'i Jesosy.

**Matthew 24:34**

**Lazaiko marina aminareo**  
"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**tsy ho lany ity taranaka ity**  
Et =o ny "lany" dia fomba mihaja ilazana ny fahafatesana. DH: "tsy ho faty ity taranaka ity"

**mandra-pisehon'izany rehetra izany**  
"mandra-panaovan'Andriamanitra ireo zavatra ireo hitranga"

**Tsy hisy intsony ny lanitra sy ny tany**  
"Ho levona ny lanitra sy ny tany"

**ny teniko dia tsy mba ho levona mandrakizay**  
Eto ny "teny" dia ilazana izay nolazain'i Jesosy. DH: "izay lazaiko dia ho marina mandrakizay"

**Matthew 24:36**

**zany andro sy ora izany**  
Eto ny "andro" sy "ora" dia manondro ny fotoana marina izay hiverenan'ny Zanak'Olona.

**na ny Zanaka lahy**  
"na dia ny Zanaka aza"

**Zanaka**  
Fiantsoana manan-danja ilazana an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra io.

**Ray**  
Fiantsoana manan-danja ilazana an'Andriamanitra io.

**Matthew 24:37**

**Toy ny tamin'ny andron'i Noa, dia tahaka izany ihany koa ny fihavian'ny Zanak'Olona**  
"Amin'ny fotoana hahatongavan'ny Zanak'Olona, dia ho toy ny tamin'ny andron'i Noa izany."

**Zanak'Olona**  
Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**sambo fiara, ary tsy nahafantatra na inona na inona izy ireo**  
Azo atao fehezanteny misaraka io. DH: "sambo fiara. Ary tsy tonga saina ireo olona fa nisy zavatra nitranga"

**azy rehetra- dia tahak'izany ny fihavian'ny Zanak'Olona**  
Azo atao fehezanteny misaraka io. DH: "azy rehetra. Dia ho toy izany ihany koa rehefa miverina ny Zanak'Olona"

**Matthew 24:40**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manomboka milaza amin'ireo mpianany mba ho vonona amin'ny fiverenany i Jesosy.

**Avy eo**  
Rehefa tonga ny Zanak'Olona.

**ny iray ho raisina, ary ny iray ho avela**

Ireo mety ho dikany dia 1) haka ny iray ho any andanitra ny Zanak'Oloha ary hamela ny anankiray eto an-tany ho amin'ny famaizana na 2) haka ny iray ho amin'ny famaizana ireo anjely ary hamela ilay hafa ho amin'ny fitahiana.

**Noho izany**

"Noho izay nolazaiko taminareo"

**miambena**

"mitandrema"

**Matthew 24:43****raha fantatrin'ny tompon-trano ... tranony ho vaky**

Mampiasa fanoharana momba ny tompon-trano sy mpanompo i Jesosy mba hampisehoana fa tokony ho vonona amin'ny fiverenany ireo mpianany.

**ny mpangalatra**

Milaza i Jesosy fa ho avy amin'ny fotoana tsy ampoizin'ny olona Izy, fa tsy hoe ho avy hangalatra akory.

**ho niambina izy**

"ho niambina ny tranony izy"

**ary tsy namela ny tranony ho vaky**

Azo adika hoe DH: "tsy ho namela an'iza na iza hiditra tao an-tranony mba hangalatra zavatra izy"

**ny Zanak'Oloha**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**Matthew 24:45****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza fanoharana momba ny tompo sy mpanompo i Jesosy mba hampisehoana fa tokony ho vonona amin'ny fiverenany ireo mpianany.

**Koa iza moa ilay mpanompo mahatoky sy hendry izay notenendren'ny tompony ... fotoana mety?**

Mampiasa an'io fanontaniana io i Jesosy mba hampisainana ireo mpianany. DH: "Koa iza no

mpanompo mahatoky sy hendry? Izy no ilay iray izay ... fotoana mety" na "Manaova toy ilay mpanompo mahatoky sady hendry, izay ... fotoana mety:

**hanomezana azy ireo ny sakafon'izy ireo**

"manome ny sakafon'ireo olona ao an-tranon'ilay tompo"

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**Matthew 24:48****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ilay fanoaharany momba ny tompo sy mpanompo i Jesosy mba hampisehoana fa tokony ho vonona amin'ny fiverenany ireo mpianany.

**miteny ao am-pony hoe**

Eto ny "fo" dia ilazana ny saina. DH: "mieritreritra any an-tsainy"

**Ela fiavy ny tompoko**

Azo atao hoe DH: "ho taraiky ny tompoko" na "tsy hiverina raha tsy efa ela ny tompoko"

**amin'ny fotoana izay tsy ampoiziny ary amin'ny ora izay tsy fantany**

Samy mitovy hevitra ireo. Manamafy ireo fa ho avy amin'ny fotoana tsy ampoizin'ireo mpanompo ilay tompo.

**ho ataony ... ny anjarany**

"hitondra azy toy ny"

**ho kapakapain'ny**

Fomba fiteny izay midika fampijaliana mahatsiravina ny olona iray io.

**ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify**

Maneho alahelo sy fahoriana lehibe io. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 8:11.

## Chapter 25

<sup>1</sup> Ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virjina folo izay naka ny jirony ka nandeha nihaona tamin' ny mpampakatra. <sup>2</sup> Adala ny dimy tamin'izy ireo fa ny dimy kosa hendry. <sup>3</sup> Ary rehefa nitondra ireo jirony ireo virjina adala, dia tsy nitondra solika niaraka taminy. <sup>4</sup> Fa ireo virijina hendry kosa dia nitondra fitahirizan-tsolika niaraka tamin'ny jirony. <sup>5</sup> Ary raha tara ny mpampakatra, dia rendrema izy rehetra ka natory. <sup>6</sup> Fa tamin'ny sasak'alina dia nisy niantso mafy hoe: "Indro, ny mpampakatra! mivoaha mba hiaona aminy." <sup>7</sup> Avy eo niharina ireo virijina rehetra ka nikarakara ny jirony. <sup>8</sup> Hoy ireo adala tamin'ireo hendry hoe: "Mba omeo ampahany amin'ny solikareo izahay fa efa ho faty ny jironay. <sup>9</sup> Fa namaly ireo hendry ka niteny hoe: "Sao dia tsy ho ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana kosa any amin'ireo mpivarotra ka mividianana ho an'ny tenanareo." <sup>10</sup> Raha nandeha nividy izy ireo, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa vonona dia niara-nandeha taminy ho ao amin'ny fanasam-panambadiana, ka nihidy ny vavahady. <sup>11</sup> Rehefa afaka izany dia tonga ihany koa ireo virjiny sasany ka niteny hoe: 'Tompoko, Tompoko, mba vahao izahay'. <sup>12</sup> Fa namaly izy ka niteny hoe: 'Lazaiko marina aminareo, tsy mahafantatra anareo aho.' <sup>13</sup> Koa noho izany mihambena, fa tsy fantatrareo ny andro na ny ora. <sup>14</sup> Fa izany dia tahaka ny lehilahy iray izay handeha ho any amin'ny firenen-kafa. Niantso ny mpanompony izy ka nampitantana azy ireo ny harenay. <sup>15</sup> Ny iray tamin'izy ireo nomeny talenta dimy, ny iray hafa nomeny roa, ary ny iray hafa kosa nomeny talenta iray. Ny tsirairay dia samy nandray talenta araka izay fahaizany avy, ary nandeha tamin'ny diany izany lehilahy izany. <sup>16</sup> Ny iray izay naharay talenta dimy dia nihainga teo noho eo ka nampiasa azy ireo ary nahazo talenta dimy hafa. <sup>17</sup> Toy izany koa ilay iray izay naharay talenta roa nahazo roa hafa. <sup>18</sup> Fa ilay mpanompo iray izay naharay talenta iray kosa, nandeha ka niady lavaka tamin'ny tany, ary nandevina ny volan'ny tompony. <sup>19</sup> Ary taorian'ny fotoana ela dia niverina ny tompon'ireo mpanompo ireo ary nandamin-draharaha tamin'izy ireo. <sup>20</sup> Niditra ilay mpanompo izay naharay talenta dimy no sady nitondra talenta dimy hafa. Hoy izy hoe: "Tompoko, nomenao talenta dimy aho. Indro, nanatombo talenta dimy hafa aho." <sup>21</sup> Hoy ny tompony taminy hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky! Nahatoky tamin'ny zavatra vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny zavatra maro. Midira amin'ny fifalian'ny tomponao." <sup>22</sup> Ilay mpanompo izay naharay talenta roa dia nanatona sy niteny hoe: "Tompoko, nomenao talenta roa aho, indro, nanatombo talenta roa hafa aho". <sup>23</sup> Niteny azy ny tompony hoe: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky! Nahatoky tamin'ny zavatra vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny zavatra maro. Midira amin'ny fifalian'ny tomponao.' <sup>24</sup> Avy eo ilay mpanompo izay naharay talenta iray nanatona no sady niteny hoe: "Tompoko, fantatro fa lehilahy hentitra hianao. Mijinja eny amin'izay tsy namafazanao ianao, no sady manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleanao. <sup>25</sup> Natahotra aho, ka nandeha ary nanafina ny talentanao tao anatin'ny tany. Jereo, indro izay anao." <sup>26</sup> Ary namaly azy ny tompony ka nanao taminy hoe: 'Ianao ry mpanompo ratsy sady malaina, fantatrao fa izaho dia mijinja eny amin'izay tsy namafazako sy manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleko. <sup>27</sup> Noho izany dia tokony nomenao ny mpanjana-bola ny volako, ka rehefa niverina aho dia nandray ny ahy miaraka amin'ny tombony. <sup>28</sup> Noho izany alaivo any aminy ny talenta ary omeo ho an'ilay mpanompo izay manana talenta folo izany. <sup>29</sup> Fa izay rehetra manana dia homena be kokoa- mihoatra lavitra aza. Fa ho an'ireo izay tsy manana na inona na inona kosa, na izay hananany aza dia ho esorina aminy. <sup>30</sup> Ario any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mendrika, any no misy ny fitomaniana sy ny fikitroha- nify. <sup>31</sup> Ka rehefa tonga amin'ny voninahiny ny Zanak'Olonà sy ny anjely rehetra miaraka Aminy, dia hipetraka eo amin'ny seza fihandrihanan'ny voninahiny Izy. <sup>32</sup> Ary ny firenena rehetra dia hangonina eo anatrehanany, ary hanavaka ny olona iray amin'iray hafa Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy. <sup>33</sup> Hametraka ny ondry ho eo ankavanany izy, fa ny osy eo ankaviany. <sup>34</sup> Ary ny mpanjaka hiteny amin'ireo izay eo an-tanana ankavanany hoe: 'Avia, ianareo izay notahian'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay efa voahomana ho anareo hatrizay nanorenana an'izao tontolo izao. <sup>35</sup> Fa noana Aho dia nomenareo sakafo; nangetaheta Aho dia nomenareo ho sotroina; nivahiny Aho dia nampandrosoinareo; <sup>36</sup> nitanjaka Aho dia nampitafinareo; narary Aho nokarakarainareo; ary tany am-ponja Aho dia nakany Amiko ianareo.' <sup>37</sup> Ary ireo marina dia hamaly sy hiteny hoe: 'Tompoko, oviana izahay no nahita Anao noana ka namahana Anao? Na nangetaheta ka nampisotroinay? <sup>38</sup> Oviana Ianao no hitanay nivahiny ka nampandrosoinay? Na nitanjaka ka nampitafianay? <sup>39</sup> Oviana izahay no nahita Anao narary na tany am-ponja ka nakany aminao? <sup>40</sup> Ary ny Mpanjaka namaly ka niteny azy ireo hoe: 'Lazaiko marina aminareo, izay nataonareo tamin'ireny rahalahiko kely indrindra ireny, dia nataonareo tamiko.' <sup>41</sup> Ary izy hilaza amin'ireo izay eo ankaviany hoe: 'Mialà amiko, Ianareo izay voahozona, ho any amin'ny afo mirehitra mandrakizay izay efa voahomana hoan'ny devoly sy ireo anjeliny, <sup>42</sup> satria noana Aho, fa tsy nomenareo sakafo; nangetaheta Aho, fa tsy nomenareo hosotroina; <sup>43</sup> nivahiny Aho, fa tsy nampandrosoinareo; nitanjaka Aho, nefa tsy

nampitafinareo; narary sy tao am-ponja Aho, fa tsy nokarakarainareo.' <sup>44</sup> Ary dia hamaly koa izy ireo ka hiteny hoe: 'Tompo! Oviana izahay no nahita Anao noana, na nangetaheta, na nivahiny, na nitanjaka, na narary, na tany am-ponja, ka tsy nanompo Anao?' <sup>45</sup> Ary Izy hamaly azy ireo ka hiteny hoe: 'Lazaiko marina aminareo, fa izay tsy nataonareo tamin'iray tamin'ireo madinika ireo, dia tsy nataonareo tamiko.' <sup>46</sup> Ireo dia halefa ho ao amin'ny fanasaziana mandrakizay fa ireo marina kosa ao amin'ny fiainana mandrakizay."

## Matthew 25:1

### Fampifandraisanany foto-kevitra:

Milaza fanoharana iray momba ny virijiny hendry sy virjiny adala i Jesosy mba hilazana fa tokony ho vonona amin'ny fiverenany ireo mpianany.

### Ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. Ny fehezanteny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ampiasaina ao amin'ny bokin'i Matio ihany. Raha azo atao, tazony ao amin'ny fandikan-teninao ny hoe "lanitra." DH: "rehefa miseho ho mpanjaka ny Andriamanintsika any an-danitra, dia ho tahaka." Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 13:24.

### jirony

Mety ho 1) jiro tsotra na 2) jiro namboarina tamin'ny alalan'ny fametahana lamba eo amin'ny lohan'ny tehina ary nolemanana solika.

### dimy tamin'izy ireo

"ny dimy tamin'ireo virijiny"

### tsy nitondra solika niaraka tamin'ny

"ny solika tao amin'ny jiron'izy ireo ihany no nananan'izy ireo"

## Matthew 25:5

### Ary

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka milaza fizaran-tantara vaovao.

### Ary raha tara ny mpampakatra

Azo atao hoe DH: "raha ela-fiavy ireo mpampakatra"

### rendremana izy rehetra

"rendremana avokoa ireo virijiny folo"

### nisy niantso mafy hoe

"nisy nihiaka hoe"

## Matthew 25:7

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza fanoharana i Jesosy.

### nikarakara ny jirony

"nanamboatra ny jiron'izy ireo mba hirehitra mazava tsara"

### Hoy ireo adala tamin'ireo hendry hoe

Ireo mpamaritra anarana ireo dia azo adika ho mpamari-toetra. DH: "Ireo virijiny adala niteny tamin'ireo virijiny hendry hoe"

### efa ho faty ny jironay

Fomba fiteny io. DH: "efa ho faty ny afo amin'ny jironay"

## Matthew 25:10

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamarana ny fanoharana momba ireo virijiny folo i Jesosy.

### nandeha

"nandeha ireo virijiny dimy adala"

### nividy

Azo atao mazava koka ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "mba hividy solika"

### izay efa vonona

Ireo no virijiny nanana solika fitaiza.

### nihidy ny vavahady

Azo atao hoe DH: "nakaton'ireo mpanompo ny varavarana"

### vahao izahay

Azo atao hoe DH: "sokafy ny varavarana mba hahafahanay miditra ao anatin'ny"

### Lazaiko marina aminareo

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

### tsy mahafantatra anareo aho

"tsy fantatro hoe iza ianareo." Io no fiakaran'ilay fanoharana.

### tsy fantatrareo ny andro na ny ora

Eto ny "andro" sy "ora" dia ilazana ny fotoana marina. Azo adika hoe DH: "tsy fantatrareo ny fotona marina hiverenan'ny Zanak'Olona"



**Matthew 25:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza fanoharana momba ny mpanompo mahatoky sy tsy mahatoky i Jesosy mba hampisehoana fa tokony hijanona ho mahatoky ireo mpianany mandritra ny fotoana tsy maha-eo Azy ary ho vonona amin'ny fiverenany.

**izany dia tahaka**

"ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka"

**izay handeha**

"vonona ny handeha" na "handeha tsy ho ela"

**nampitantana azy ireo ny haren'ny**

"nampiantandraikitra ny fananany tamin'izy ireo"

**ny haren'ny**

"ny fananany"

**talenta dimy**

Ny "talenta" iray dia mitentina karama roapolo taona. Aza mandika izany araka ny vola amin'izao fotoana izao. DH: "volamena dimy kitapo"

**araka izay fahaizany avy**

Azo atao voafaritry kokoa hoe DH: "araka ny fahaizany ny mpanompo tsirairay mitantana fananana"

**nahazo talenta dimy hafa**

"ary tamin'ny fihariany, dia nahazo talenta dimy hafa koa izy"

**Matthew 25:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

**nahazo roa hafa**

"nahazo talenta roa hafa"

**Matthew 25:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

**Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Jesosy dia manomboka milaza ny fizaran'ny tantara vaovao.

**talenta**

Ny "talenta" iray dia mitentina karama roapolo taona. Aza mandika izany araka ny vola amin'izao fotoana izao. Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny 25:14.

**Tsara izany**

"Tsara ny nataonao" na "Mety ny nataonao." Mety manana fomba ampiasain'ny mpampiasa (na manam-pahefana) mba hanehoana ny fankasitrahany izay vitan'ny mpiasany (na izay ambany fahefany) ny fitenin'ny.

**Midira amin'ny fifalian'ny tomponao**

Ny teny hoe "midira amin'ny fifalian'ny" dia fomba fiteny. Ary koa, manondro ny tenany ihany ilay tompo. DH: "Avia ary miaraha-mifaly amiko"

**Matthew 25:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

**Tsara izany**

"Tsara ny nataonao" na "Mety ny nataonao." Mety manana fomba ampiasain'ny mpampiasa (na manam-pahefana) mba hanehoana ny fankasitrahany izay vitan'ny mpiasany (na izay ambany fahefany) ny fitenin'ny. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 25:19.

**Midira amin'ny fifalian'ny tomponao**

Ny teny hoe "midira amin'ny fifalian'ny" dia fomba fiteny. Ary koa, manondro ny tenany ihany ilay tompo. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 25:19.

**Matthew 25:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

**Mijinja eny amin'izay tsy namafazanao ianao, no sady manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleanao**  
Mitovy hevitra ihany ireo teny anakiroa ireo. Maneho mpamboly iray izay manangona vokatra izay tsy azy io. Mampiasa io sarin-teny io ilay mpanompo mba hiampangana ilay tompo ho mpandraharaha mafy fo.

**namafazanao**

Tamin'izany andro izany ny olona dia nanipy voa manodidina fa tsy mamboly voly ato milahatra.

**Matthew 25:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy milaza ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

**Ianao ry mpanompo ratsy sady malaina**

"Mpanompo ratsy fanahy sady tsy te hiasa ianao"

**izaho dia mijinja eny amin'izay tsy namafazako sy manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleanao**  
Mitovy hevitra ihany ireo teny anakiroa ireo. Maneho mpamboly iray izay manangona vokatra

izay tsy azy io. Nampiasa io sarin-teny io ilay mpanompo mba hiampangana ilay tompo ho mpandraharaha mafy fo. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 25:24.

#### **nandray ny ahy**

Azo atao mazava tsara ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "handray ny volako"

#### **tombony**

Vola omen'ny tompon'andraikitra ao amin'ny banky nohon'ny fampiasany vetivety ny volan'ilay tompo.

### **Matthew 25:28**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ilay fanoharana momba ireo mpanompo sy ireo talenta i Jesosy.

#### **alaivo any aminy ny talenta**

Miresaka amin'ireo mpanompo hafa ilay tompo.

#### **talenta**

Ny "talenta" iray dia mitentina karama roapolo taona. Aza mandika izany araka ny vola amin'izao fotoana izao. Jereo ny nandikanao izany ao amin'ny 25:14.

#### **izay manana**

Midika izany fa ilay olona izay manana zavatra dia mampiasa izany am-pahendrena. DH: "izay mampiasa tsara izay hananany"

#### **homena be kokoa**

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra hanome azy bebe kokoa" na "hanome azy bebe kokoa Aho"

#### **Fa ho an'ireo izay tsy manana na inona na inona kosa**

Midika izany fa ilay olona dia tena manana zavatra saingy tsy mampiasa izany am-pahendrena. DH: "izay rehetra tsy mampiasa tsara izay hananany"

#### **ho esorina aminy**

Azo atao hoe "Andriamanitra hanaisotra aminy" na "ho esoriko aminy"

#### **any ivelany ny mpanompo tsy mendrika, any no misy ny fitomaniana sy ny fikitroha- nify**

"any ivelany ao amin'ny maizina izay misy fitomaniana sy ny fikitroha-nify"

### **Matthew 25:31**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka milaza amin'izy ireo ny fomba hitsarany ny olona rehefa miverina amin'ny farandro i Jesosy.

#### **ny Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

#### **Ary ny firenena rehetra dia hangonina eo anatrehany**

Azo atao hoe DH: "Hangoniny eo anatrehany ireo firenena rehetra"

#### **eo anatrehany**

"eo anoloany"

#### **ny firenena rehetra**

Eto ny "firenena" dia ilazana ny olona. DH: "ireo olona rehetra avy amin'ny firenena rehetra.

#### **tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy**

Mampiasa fampitahana i Jesosy mba hamaritana ny fomba hanavahany ny olona.

#### **Hametraka ny ondry ho eo ankavanany izy, fa ny osy eo ankaviany**

Io dia sarin-teny izay midika fa ny Zanak'Olona dia hanavaka ny olona rehetra. Hametraka ireo olo-marina eo amin'ny ankavanany Izy, ary hametraka ireo mpanota eo ankaviany.

### **Matthew 25:34**

#### **ny mpanjaka ... an-tanana ankavanany**

Eto ny "mpanjaka" dia fiantsoana hafa ilazana ny Zanak'Olona. Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy. DH: "Izaho, ilay mpanjaka, ... an-tanana ankavanako"

#### **ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

#### **mandovà ny fanjakana izay efa voahomana ho anareo**

Azo atao hoe DH: "mandovà ny fanjakana izay efa nataon'Andriamanitra vonona ho anareo"

#### **mandovà ny fanjakana izay efa voahomana ho anareo**

Eto ny hoe "fanjakan'ny lanitra" dia ilazana ny fanapahan'Andriamanitra tahaka ny mpanjaka. DH: "mandraisa ny fitahian'ny didin'Andriamanitra izay nokasainy ho anareo"

#### **hatrizay nanorenana an'izao tontolo izao**

"hatramin'ny nahariany voalohany izao tontolo izao"

### **Matthew 25:37**

#### **ireo marina**

Azo atao hoe DH: "olo-marina"

#### **Na nangetaheta ... Na nitanjaka**

Azo atao mazava kokoa ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "Na oviana izahay no nahita Anao nangetaheta ... Na oviana izahay no nahita Anao nitanjaka"

#### **ny Mpanjaka**

Eto ny "mpanjaka" dia fiantsoana hafa ilazana ny Zanak'Olona. Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

#### **niteny azy ireo hoe**

"niteny tamin'ireo izay teo an-tanany ankavanana"

**Lazaiko marina aminareo,**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**ireo marina**

Azo atao hoe DH: "ireo olo-marina"

**rahalahiko kely indrindra ireny**

"ny iray amin'ireo tsy manan-danja indrindra"

**dia nataonareo tamiko**

"Raisiko ho toy ny nataonareo tamiko izany"

#### **Matthew 25:41**

**Ary izy hilaza**

"Ary ny Mpanjaka hilaza hoe." Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**Ianareo izay voahozona**

"ianareo ry olona izay nohozonin'Andriamanitra"

**afo mirehitra mandrakizay izay efa voahomana**

Azo atao hoe DH: "ilay afo mirehitra mandrakizay izay nomanin'Andriamanitra"

**ireo anjeliny**

ieo mpanampy Azy

**nitanjaka Aho, nefa tsy nampitafinareo**

DH: "Nitanjaka Aho, kanefa tsy nomenareo fitafiana"

#### **Matthew 25:44**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny firesahany amin'ireo mpianatra momba ny hitsarany ireo olona amin'ny fiverenanany amin'ny fara-andro i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiakaran'ny fizaran-tantara izay niantomboka tao amin'ny 23:1, izay ampianaran'i Jesosy momba ny famonjena sy ny fitsarana farany.

**hamaly koa izy ireo**

"hamaly koa ireo izay eo ankaviany hoe"

**tamin'iray tamin'ireo madinika ireo**

"ho an'iza na iza amin'ireto oloko tsy dia manan-danja indrindra ireto"

**tsy nataonareo tamiko**

"Raisiko ho tsy nataonareo tamiko izany" na "Izaho tokoa ilay Iray izay tsy nampianareo"

**Ireo dia halefa ho ao amin'ny fanasaziana mandrakizay**

"Handefa azy ireo any amin'ny toerana izay hahazoan'izy ireo famaizana tsy hitsahatra ny Mpanjaka"

**ireo marina kosa ao amin'ny fiainana mandrakizay**

Azo atao mazava kokoa ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "fa handefa ireo olo-marina any amin'ny toerana hahavelona azy ireo mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra ny Mpanjaka"



## Chapter 26

<sup>1</sup> Rehefa vitan'i Jesosy izany teny rehetra izany, dia niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: <sup>2</sup> "Fantatrarao fa afaka roa andro dia ho tonga ny Paska, ary hatolotra homboana amin'ny hazofijaliana ny Zanak'Olona." <sup>3</sup> Avy eo ny lehiben'ny mpisorona sy ny loholona niara-nivory tao amin'ny lapan'ny mpisorona-be, izay nantsoina hoe Kaiafa. <sup>4</sup> Niara-nanao tetika izy ireo mba hisamborana mangina an'i Jesosy ary hamono Azy. <sup>5</sup> Fa hoy izy ireo hoe: "Tsy amin'ny fety, mba tsy hisian'ny korontana eo amin'ny olona." <sup>6</sup> Ary Jesosy rehefa tao Betania tao an-tranon'i Simona boka, <sup>7</sup> raha nipetraka nihinana teo amin'ny latabatra, dia nisy vehivavy iray nanana tavoara alabastara feno menaka lafo vidy nanatona Azy, dia nandrarakana izany tamin'ny lohany. <sup>8</sup> Fa rehefa hitan'ireo mpianany izany, dia tezitra izy ireo ka nanao hoe: "Inona no anton'izao fandaniana izao?" <sup>9</sup> Afaka namidy lafo ary nomena ireo mahantra io." <sup>10</sup> Fa Jesosy, nahafantatra izany, niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no manahiran-tsaina an-dravehivavy? Fa zavatra tsara no nataony tamiko." <sup>11</sup> Eo aminareo mandrakariva ny mahantra, fa Izaho dia tsy ho eo aminareo mandrakariva. <sup>12</sup> Fa rehefa nandrarakana izany menaka manitra izany tamin'ny vatako izy, dia nataony ho an'ny fandevenana Ahy izany. <sup>13</sup> Lazaiko marina aminareo, na aiza na aiza hitoriana ny filazantsara eto amin'izao tontolo rehetra izao, izay nataon'ity vehivavy ity dia ho lazaina ihany koa ho fahatsiarovana azy." <sup>14</sup> Avy eo iray tamin'ireo roa ambinifolo, izay nantsoina hoe Jodasy Iskariota, nankany amin'ny lehiben'ny mpisorona <sup>15</sup> ary nanao hoe: "Omenareo ohatrinona aho hanolorako Azy aminareo?" Nandanja volafotsy madinika telopolo izy ireo ho azy. <sup>16</sup> Tamin'izany fotoana izany dia nitady fahafahana izy mba hanolorana Azy amin'izy ireo. <sup>17</sup> Tamin'ny andro voalohan'ny mofo tsy misy lalivay dia nanatona an'i Jesosy ireo mpianatra ka niteny hoe: "Aiza no tianao hanomananay ho anao hihinana ny sakafon'ny paska?" <sup>18</sup> Namaly Izy hoe: "Midira ao an-tanàna misy lehilahy iray ary lazao izy hoe: 'Hoy ny Mpampianatra hoe: 'Efa akaiky ny fotoanako. Ato an-tranonao Aho no hanao ny paska miaraka amin'ireo mpianatro.'"" <sup>19</sup> Nataon'ireo mpianatra araka izay nandidin'i Jesosy izany, ary nanomana ny sakafon'ny paska izy ireo. <sup>20</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia nipetraka nihinana niaraka tamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo Izy. <sup>21</sup> Rehefa nihinana izy ireo, dia hoy Izy hoe: "Lazaiko marina aminareo fa hisy iray aminareo hamadika Ahy." <sup>22</sup> Nalahelo izy ireo ary nanomboka nanontany Azy ny tsirairay hoe: "Tsy ho izaho mihitsy, ry Tompo?" <sup>23</sup> Namaly Izy hoe: "Izay niara-nanatsoboka ny tanany tamiko tao anaty lovia no ilay iray hamadika Ahy." <sup>24</sup> Handeha ny Zanak'Olona, araka izay efa voasoratra momba Azy. Nefa lozan'ny olona izay hamadika ny Zanak'Olona! Tsara kokoa ho an'izany olona izany no tsy teraka akory." <sup>25</sup> Jodasy, izay hamadika Azy niteny hoe: "Izaho ve izany, Raby o?" Hoy Izy taminy hoe: "Voalazanao." <sup>26</sup> Raha mbola nihinana izy ireo, dia naka ny mofo Jesosy, nisaotra, ary nanapaka izany. Nomeny ireo mpianatra izany ary niteny hoe: "Raiso, hano. Ity no vatako." <sup>27</sup> Nandray ny kapoaka Izy ary nisaotra, ary nanome izany azy ireo ka niteny hoe: "Ianareo rehetra, sotroy ity." <sup>28</sup> Fa ity ny ràn'ny fanekeh-pihavanana arotsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka. <sup>29</sup> Fa lazaiko aminareo, fa tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho, mandrapihavin'ny fisotroana vaovao hiarahako aminareo any amin'ny fanjakan'ny Raiko." <sup>30</sup> Rehefa nihira hira fiderana izy ireo, dia nandeha tany amin'ny tendrombohitry'i Oliva. <sup>31</sup> Avy eo hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ianareo rehetra dia handao Ahy nohon'ny amiko anio alina, fa voasoratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Aho dia hiparitaka ny ondry.'" <sup>32</sup> Fa aorian'ny fitsanganako amin'ny maty, dia hialoha lalana anareo any Galilia." <sup>33</sup> Fa Petera nanao taminy hoe: "Na dia handao nohon'ny aminao aza ny rehetra, izaho tsy mba handao mihintsy." <sup>34</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio alina raha mbola tsy maneno akoho, dia handà Ahy intelo ianao." <sup>35</sup> Petera niteny taminy hoe: "Na dia tsy maintsy ho faty miaraka aminao aza aho, dia tsy handà anao." Toy izany avokoa no nolazain'ireo mpianatra hafa. <sup>36</sup> Ary Jesosy nandeha niaraka tamin'izy ireo nankany amin'ny toerana antsoina hoe Getsemane ary nilaza tamin'ny mpianany hoe: "Mipetraka eto raha mbola handeha ery hivavaka Aho." <sup>37</sup> Nitondra an'i Petera mbamin'ny zanak'i Zebedio roa lahy Izy ary nanomboka nalahelo sy ory. <sup>38</sup> Avy eo hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fadiranovana ny fanahiko, toy ny efa ho faty. Mitoera eto ary mihambena miaraka amiko." <sup>39</sup> Nisintaka kely Izy, niankohoka ary nivavaka. Hoy Izy hoe: "Ry Raiko, raha azo atao, dia aoka esorina amiko ity kapoaka ity. Nefa, aoka tsy araky ny sitrapoko, fa ny sitraponao." <sup>40</sup> Nanatona ireo mpianatra Izy ary nahita azy ireo resin-tory, ka hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Inona, tsy mahavita miambina miaraka amiko na dia ora iray aza va ianareo?" <sup>41</sup> Miambena ary mivavaha mba tsy ho azon'ny fakam-panahy ianareo. Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no malemy." <sup>42</sup> Mbola nandeha fanindroany Izy ary nivavaka. Hoy Izy hoe: "Ry Raiko, raha toa tsy azo esorina amiko ity raha tsy misotro Aho, dia ho atao anie ny sitraponao." <sup>43</sup> Niverina indray Izy ary mbola nahita azy ireo natory, fa navesatra ny mason'izy ireo. <sup>44</sup> Ka nandao azy ireo indray Izy, lasa ary nivavaka fanintelony, nilaza ireo teny ireo ihany. <sup>45</sup> Avy eo Jesosy nanatona ireo mpianatra ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Mbola matory sy miala sasatra va ianareo? Jereo,

efa akaiky ny ora, ary ny Zanak'Olona dia hatolotra eo an-tanan'ireo mpanota. <sup>46</sup> Mitsangàna, andeha isika. Jereo, efa akaiky ilay hamadika Ahy." <sup>47</sup> Raha mbola niteny Izy, dia tonga Jodasy, iray amin'ireo roa ambin'ny folo. Nisy vahoaka maro tonga niaraka taminy avy amin'ny lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona. Tonga niaraka tamin'ny sabatra sy langilangy izy ireo. <sup>48</sup> Ary nanome famantarana azy ireo ilay lehilahy hamadika an'i Jesosy, manao hoe: "Izay horohako, no Izy. Sambory Izy." <sup>49</sup> Teo no eo ihany dia nanatona an'i Jesosy izy ary niteny hoe: "Finaritra, Raby!" Ary nanoroka Azy izy. <sup>50</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto." Avy eo tonga izy ireo, naninjitra tanana tamin'i Jesosy, ary nisambotra Azy. <sup>51</sup> Indro, iray tamin'ireo niaraka tamin'i Jesosy naninjitra ny tanany, nanatsoaka ny sabany, nikapa ny mpanompon'ny mpisoronabe, ary nahafaka ny sofiny. <sup>52</sup> Avy eo hoy Jesosy taminy hoe: "Avereno amin'ny toerany ny sabatrao, fa ireo izay mandray sabatra dia ho vonoina amin'ny sabatra. <sup>53</sup> Mieritreritra va ianareo fa tsy afaka miantso ny Raiko Aho, ary Izy dia afaka mandefa ho Ahy tafik'anjely mihoatra noho ny roa ambin'ny folo?" <sup>54</sup> Fa atao ahoana izany no hahatanteraka ny Soratra Masina, izay milaza fa tsy maintsy hitranga izany?" <sup>55</sup> Tamin'izany andro izany Jesosy niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Tonga miaraka amin'ny sabatra sy langilangy hisambotra Ahy tahaka ny jiolahy va ianareo? Isan'andro dia nipetraka nampianatra teo amin'ny tempoly Aho, fa tsy nosamborinareo. <sup>56</sup> Fa izany rehetra izany dia nitranga mba hahatanteraka izay voasoratr'ireo mpaminany." Avy eo nandao Azy ireo mpianatra rehetra ka nandositra. <sup>57</sup> Noentin'ireo nisambotra Azy tany amin'i Kaiafa mpisoronabe Jesosy, izay nivorian'ireo mpanora-dalàna sy loholona. <sup>58</sup> Fa Petera nanaraka Azy avy eny alavitra nankany amin'ny kianjan'ny mpisoronabe. Niditra tao anatiny izy ary nipetraka niaraka tamin'ireo mpiandry raharaha mba hahita izay hiafarany. <sup>59</sup> Ary ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo Synedriona rehetra dia nitady fiampangana tsy marina manohitra an'i Jesosy, mba mety ahafahan'izy ireo mamono Azy. <sup>60</sup> Tsy nahita na inona na inona izy ireo, na dia nisy mpijoro vavolombelona maro tsy marina tonga aza teo. Ary kelikely avy eo dia nisy roa tonga nanatona teo <sup>61</sup> ary niteny hoe: "Io lehilahy io dia niteny hoe: 'Afaka mandrava ny Tempolin'Andriamanitra Aho ary manangana izany indray afaka telo andro.'" <sup>62</sup> Nitsangana ilay mpisoronabe ka nanao taminy hoe: "Tsy manan-kavaly va ianao? Inona izany hiampangan'izy ireo Anao izany?" <sup>63</sup> Fa nangina Jesosy. Hoy ny mpisoronabe taminy hoe: "Mandidy Anao amin'ny alalan'Andriamanitra velona aho, lazao aminay raha ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra." <sup>64</sup> Jesosy namaly azy hoe: "Voalazanao. Fa lazaiko aminareo, manomboka izao dia ho hitanareo ny Zanak'Olona hipetraka eo an-tanana ankavanan'ny Hery, ary ho tonga eo amin'ny rahon'ny lanitra." <sup>65</sup> Avy eo ny mpisoronabe nandrovitra ny ankanjony ary nilaza hoe: "Niteny ratsy Izy! Nahoana isika no mbola mila mpijoro vavolombelona? Indro, renareo ny fitenenan-dratsy izao. <sup>66</sup> Inona no hevitrareo?" Namaly izy ireo ary nanao hoe: "Mendrika ny ho faty Izy." <sup>67</sup> Avy eo izy ireo nandrora ny tavany sy nikapoka Azy, ary namaly tehamaina Azy, <sup>68</sup> ary nanao hoe: "Maminania aminay, ry Kristy. Iza no namaly Anao?" <sup>69</sup> Ary Petera nipetraka ivelan'ny kianja, ary nisy mpanompo vavy tonga nanatona azy niteny hoe: "Ianao ihany koa dia niaraka tamin'i Jesosin'ny Galilia." <sup>70</sup> Fa nandà izany teo anoloan'izy ireo izy, manao hoe: "Tsy fantatro izay resahanareo." <sup>71</sup> Rehefa nivoaka ny vavahady izy, dia nisy mpanompo vavy hafa nahita azy ary niteny tamin'ireo izay teo hoe: "Ity lehilahy ity ihany koa dia niaraka tamin'i Jesosy avy any Nazareta." <sup>72</sup> Mbola nandà indray izy niaraka tamin'ny fiananana hoe: "Tsy fantatro izany lehilahy izany!" <sup>73</sup> Nony afaka kelikely dia nanatona ireo izay nitsangana teo ary niteny tamin'i Petera hoe: "Ianao ihany koa dia tena iray amin'izy ireny, fa ny fomba firesakao dia miampanga anao." <sup>74</sup> Avy eo izy nanomboka nanozona sy niniana ka nanao hoe: "Tsy fanatatro izany lehilahy izany." Ary teo no eo dia naneno ny akoho. <sup>75</sup> Tsaroan'i Petera ny teny nambaran'i Jesosy hoe: "Mbola tsy maneno akoho dia handà Ahy intelo ianao." Avy eo izy nivoaka ary nitomany fatratra.

## Matthew 26:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fiandohan'ny fizaran-tantara vaovao izay mitantara ny fanomboana, fahafatesana ary ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty. Eto Izy dia milaza amin'ireo mpianany ny fomba hijaliany sy hahafatesany.

### Rehefa

Ity teny ity no mamadika ny tantaran'ny fampianaran'i Jesosy mankany amin'ny zavak- nitranga manaraka. DH: "Avy eo" na "Taorian'izany"

### izany teny rehetra izany

Manondro izay nampianarin'i Jesosy nanomboka tao amin'ny 24:3 io.

**hatolotra homboana amin'ny hazofijaliana ny Zanak'Olonà**

Azo atao hoe DH: "hisy olona sasantsasany hanolotra ny Zanak'Olonà any amin'ny olona hafa mba hanombo Azy"

**ny Zanak'Olonà**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

### Matthew 26:3

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fohifohy momba ny tetik'ireo mpitarika Jiosy hisambotra sy hamono an'i Jesosy.

**niara-nivory**

Azo atao hoe DH: "niara-tonga" na "niara-nihaona"

**Tsy amin'ny fety**

Afaka atao mazava kokoa ny tsy tian'ireo mpitarika hatao amin'ny andro fety. DH: "Tsy tokony hamono an'i Jesosy mandritra ny fety isika"

**ny fety**

Ny fetin'ny Paska isan-taona io.

### Matthew 26:6

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiandohan'ny tantaran'ilay vehivavy nandraraka menaka lafo vidy teo amin'ny Jesosy mialohan'ny ahafatesany.

**Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**Simona boka**

Misy hevitra ambadika izany fa lehilahy izay nositrarin'i Jesosy tamin'ny habokana io.

**nisy vehivavy iray**

"Nisy vehivavy nankeo amin'i Jesosy"

**tavoara alabastara**

Fasiana lafo vidy vita amin'ny vato malama io.

**menaka**

Menaka izay mani-pofona

**nandraraka izany tamin'ny lohany**

Nanao izany ilay vehivavy mba ho fanajana an'i Jesosy.

**Inona no anton'izao fandaniana izao?**

Nametraka izany fanontaniana izany ireo mpianatra nohon'ny hatezeran'izy ireo tamin'ny nataon'ilay vehivavy. DH: "Nanao zavatra ratsy ity vehivavy ity tamin'ny nandaniany fahatany an'io menaka manitra io!"

**afaka namidy lafo ary nomena ireo mahantra io**

Azo atao hoe DH: "Afaka namidiny vola be io ary nomena ... ilay vola"

**ireo mahantra**

Eto ny "mahantra" dia azo atao hoe DH: "ireo olona mahantra"

### Matthew 26:10

**Nahoana ianareo no manahiran-tsaina an-dravehivavy?**

Mametraka io fanontaniana io i Jesosy mba hananarana ireo mpianatra. DH: "Tsy tokony hanahiran-tsaina ity vehivavy ity ianareo!"

**Nahoana ianareo**

Manondro ireo mpianatra io.

**ny mahantra**

Eto ny "mahantra" dia azo atao hoe DH: "ireo olona mahantra"

### Matthew 26:12

**menaka**

Menaka mani-pofona io menaka io. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 26:6.

**Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**izay nataon'ity vehivavy ity dia ho lazaina ihany koa ho fahatsiarovana azy**

Azo atao hoe DH: "ho tsaroan'izy ireo izay nataon'ity vehivavy ity ary ho lazain'izy ireo amin'ny hafa"

### Matthew 26:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nanaiky ny hanampy ireo mpitarika Jiosy hisambotra sy hamono an'i Jesosy i Jodasy Iskariota.

**hanolorako Azy aminareo**

"hanampy anareo hisambotra an'i Jesosy"

**volafotsy madinika telopolo**

Satria mitovy amin'ny ireo ao amin'ny faminaniana ao amin'ny Testamenta Taloha ireo teny ireo, dia tazony ihany ireo fa aza ovaina ho vola amin'izao fotoana izao.

**madinika telopolo**

"madinika 30"

**hanolorana Azy amin'izy ireo**

"hanampy ireo lohan'ny mpisorona hisambotra an'i Jesosy"

**Matthew 26:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'ny fanakalazan'i Jesosy ny Paska niaraka tamin'ireo mpianany.

**niteny hoe:** "Aiza no tianao hanomananay ho anao hihinana ny sakafon'ny paska?" **Namaly Izy hoe:** "Midira ao an-tanàna misy lehilahy iray ary lazao izy hoe: 'Hoy ny Mpampianatra hoe: 'Efa akaiky ny fotoanako. Ato an-tranonao Aho no hanao ny paska miaraka amin'ireo mpianatro.'""

DH: "Niteny tamin'ireo mpianatra Izy mba handeha any an-tanàna ho any amina lehilahy iray ary hilaza aminy fa hoy ny Mpampianatra aminy hoe: 'Efa akaiky ny fotoanako. Hataoko ao an-tranonao miaraka amin'ireo mpianatro ny Paska'" na "Niteny tamin'ireo mpianatra i Jesosy mba handeha any an-tanàna ho any amina lehilahy iray ary hilaza aminy fa efa akaiky ny fotoanan'ny Mpampianatra ary hanao ny Paska ao an-tranon'izany lehilahy izany miaraka amin'ireo mpianany Izy.

**fotoanako**

Ireo mety ho dikany 1) "Ilay fotoana nolazaiko taminareo" na 2) "Ilay fotoana napetrak'Andriamanitra ho Ahy."

**Efa akaiky**

Ireo mety ho dikany dia 1) "efa antomotra" na 2) "tonga"

**Ato an-tranonao Aho no hanao ny paska**

"hihinana ny sakafon'ny Paska" na "hankalaza ny Paska amin'ny fihinanana ny sakafo manokana"

**Matthew 26:20****Lazaiko marina aminareo**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**tsy ho izaho mihitsy, ry Tompo?**

"tsy mba izaho izany, sa tsia, ry Tompo?" Ireo mety ho dikany dia 1) Io dia fanontaniana tsy valiana satria efa azaon'ireo apostoly antoka fa tsy hamadika an'i Jesosy izy ireo. DH: "Tompo, Tsy hamadika Anao mandrakizay aho!" na 2) tena fanontaniana matotra izany satria mety nanahirana ny sain'izy ireo na nifangaroharo tamin'izy ireo ny filazan'i Jesosy.

**Matthew 26:23****Zanak'Olona**

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

**Handeha**

Eto ny "handeha" dia fomba mihaja ilazana hoe ho faty. DH: "handeha ho any amin'ny fahafatesany" na "ho faty"

**araka izay efa voasoratra momba Azy**

Azo atao hoe DH: "araka izay nosoratan'ireo mpaminany momba Azy ao amin'ny soratra masina"

**Izaho ve izany, Raby o?**

"Raby, izaho ve ilay iray izay hamadika Anao?" Mety ho nampiasa fanontaniana tsy valiana i Jodasy mba handavana fa izy ilay iray izay hamadika an'i Jesosy. DH: "Raby, tsy mba izaho mihitsy ilay iray izay hamadika Anao"

**Voalazanao**

Io dia fomba fiteny izay ampiasain'i Jesosy mba hidika hoe "eny" kanefa tsy dia mazava tsara ny tena heviny. DH: "Voalazanao izany" na "Efa manaiky izany ianao"

**Matthew 26:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nampianatra ny Fanasan'ny Tompo i Jesosy raha mbola nankalaza ny Paska niaraka tamin'ireo mpianany.

**naka ... nisaotra ... nanapaka**

Adikao araka ny nataonao tao amin'ny 14:19.

**Matthew 26:27****Nandray**

Adikao hoe "naka" araka ny nataonao ao amin'ny 14:19.

**ny kapoaka**

Eto ny "kapoaka" dia ilazana ny kapoaka miaraka amin'ny divay ao anatin'izany.

**nanome izany azy ireo**

"nanome izany an'ireo mpianatra"

**sotroy ity**

"sotroy ny ddivay avy amin'ity kapoaka ity"

**Fa ity ny ràn'ny**

"Fa ity divay ity no ràko"

**ràn'ny fanekem-pihavanana**

"rà izay mampiseho fa mihatra ny fanekem-pihavanana" na "rà izay mampisy ny fanekem-pihavanana"

**arotsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka**

Azo ato hoe DH: "izay hndriaka eo amin'ny vatako tsy ho ela" na "Izay hiraraka avy amin'ny feriko rehefa maty Aho"

**Fa lazaiko aminareo**

Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**vokatry ny voaloboka**

Fomba fiteny io. DH: "divay"



**ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**Matthew 26:30****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpianany eny am-pandehana ho eny amin'ny Tendrombohitra'Oliva i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy faha 31, mamerina ny tenin'i Zakaria mpaminany i Jesosy hampisehoana fa mba hahatanteraka ny faminaniana, dia handao Azy avokoa ireo mpianany.

**hira fiderana**

hira fiderana ho an'Andriamanitra

**fa voasoratra hoe**

Azo atao hoe DH: "fa voasoratra'i Zakaria mpaminany hatry ny ela tao amin'ny soratra masina"

**Hamely ... Aho**

Eto ny "Aho" dia manondro an'Andriamanitra. Midika izany fa Andriamanitra dia hamela ny olona hamely sy hamono an'i Jesosy.

**ny mpiandry ondry ... ny ondry**

Ireo dia sarin-teny ilazana an'i Jesosy sy ireo mpianatra.

**hiparitaka ny ondry**

Azo atao hoe DH: "haparitak'izy ireo ny ondrin'ny vala rehetra" na "hihazakazaka eran'ny lalana rehetra ireo ondrin'ny vala"

**aorian'ny fitsanganako amin'ny maty**

Azo atao hoe DH: "Aorian'ny hanaganan'Andriamanitra Ahy"

**Matthew 26:33****handao**

Adikao araka ny nataonao tao ain'ny 26:30 io.

**Lazaiko marina aminao**

"Milaza ny marina aminareo Aho." Manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka io fehezanteny io.

**raha mbola tsy maneno akoho**

Rehefa miposaka ny masoandro no maneno ny akoho. DH: "alohan'ny hiposahan'ny masoandro"

**akoho**

vorona izay maneno mafy amin'ny fotoana hiposahan'ny masoandro

**maneno**

Feo avoakan'ny akoho.

**handà Ahy intelo ianao**

"hilaza intelo fa tsy mpanara-dia Ahy ianao"

**Matthew 26:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'i Jesosy nivavaka tao Getsemane.

**nanomboka nalahelo sy ory**

"ary lasa nalehelo mafy"

**Fadiranovana ny fanahiko**

Eto ny "fanahy" dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "malahelo mafy Aho"

**toy ny efa ho faty**

Fomba fiteny io. DH: "toy ny efa ho faty Aho"

**Matthew 26:39****niankohoka**

Niankohoka tamin'ny tany mihitsy Izy mba hivavaka.

**Ry Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**aoka esorina amiko ity kapoaka ity**

Eto ny "kapoaka" dia ilazana ny kapoaka sy ny zavatra ao anatiny. Ny zavatra ao anaty kapoaka dia sarin-teny maneho ny fahoriana izay hiaretan'i Jesosy. Mangataka ny Ray i Jesosy raha azony atao ny tsy hijaly sy ho faty amin'ny fomba izay fantatr'i Jesosy fa hijaliany ao Jerosalema.

**aoka tsy araka ny sitrapoko, fa ny sitraponao**

Azo atao hoe DH: "Saingy aza izay tiako no atao, fa izay tianao no ataovy"

**hozy Izy tamin'i Petera hoe: "Inona, tsy mahavita miambina ... ianareo"**

Miresaka amin'i Petera i Jesosy, fa ny "ianareo" dia manondro an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**Inona, tsy mahavita miambina miaraka amiko na dia ora iray aza va ianareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hibedesana an'i Petera, Jakoba ary Jaona. DH: "Diso fanantenana Aho hoe tsy afaka ny niari-tory niaraka tamiko nandritra ny ora iray ianareo!"

**tsy ho azon'ny fakam-panahy ianareo**

Eto ny hoe "fakam-panahy" dia azo atao matoanteny. DH: "tsy hisy haka fanahy anareo"

**Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no malemy**

Eto ny "fanahy" dia ilazana ny fanirian'ny olona iray. Ary ny "nofo" dia maneho ny maha-olona manontolo. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia mety manana faniriana ny hanao izay tian'Andriamanitra

izy ireo, saingy amin'ny maha-olona dia malemy izy ireo ary lavo.

### Matthew 26:42

#### nandeha

"nandeha i Jesosy"

#### Ry Raiko

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**raha toa tsy azo esorina amiko ity raha tsy misotro Aho**  
Azo atao hoe DH: "tsy maintsy hosotroiko ity"

#### ity

Manondro ilay kapoaka sy ny ao anatiny io.

#### raha tsy misotro Aho

"raha tsy misotro amin'izany Aho" na "raha tsy misotro amin'ny kapoaky ny fahoriana Aho"

#### ho atao anie ny sitraponao

Azo atao hoe DH: "aoka hitranga izay tianao"

#### navesatra ny mason'izy ireo

DH: "te hatory mafy izy ireo"

### Matthew 26:45

#### Mbola matory sy miala sasatra va ianareo?

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba ibedesana ireo mpianany nohon'ny fatorian'izy ireo. DH: "Diso fanantenana Aho hoe mbola matory sy maka aina ihany ianareo"

#### efa akaiky ny ora

Fomba fiteny io. DH: "tonga ny fotoana"

#### ny Zanak'Olona dia hatolotra

Azo atao hoe DH: "ary misy olona mamadika ny Zanak'Olona"

#### ny Zanak'Olona

Milaza ny amin'ny tenany ihany i Jesosy.

#### eo an-tanan'ireo mpanota

Eto ny "tanana" dia ilazana fahefana na fifehezana. DH: "eo amin'ny fahefan'ireo mpanota" na "eo amin'ireo mpanota"

#### Jereo

"Tandrema tsara izay ho lazaiko aminareo"

### Matthew 26:47

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fanombohan'ny tantara izay namadihan'i Jodasy an'i Jesosy sy nisamboran'ireo mpitarika fivavahana Azy.

#### Raha mbola niteny Izy

"Raha mbola niteny i Jesosy"

#### langilangy

Tapaka hazo lava hikapohana olona.

#### Ary ... Sambory Izy

Eto ny teny hoe "Ary" dia ampiasaina mba hanamarika fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia milaza fampahafantarana fohifohy momba an'i Jodasy sy ny famantarana nokasainy hampiasaina mba hamadihana an'i Jesosy.

#### manao hoe: "Izay horohako, no Izy. Sambory Izy."

Io dia azao adika tsy mivantana. DH: "nilaza fa izay horohany no ilay iray izay tokony ho samborin'izy ireo"

#### horohako

Fomba feno haja hiarahabana ny mpampianatry ny olona iray io.

### Matthew 26:49

#### nanatona an'i Jesosy izy

"nanatona an'i Jesosy i Jodasy"

#### nanoroka Azy

"narahaba Azy tamin'ny oroka"

#### Avy eo tonga izy ireo

Eto ny hoe "izy ireo" dia manondro ireo olona nitondra sabatra sy langilangy niaraka tamin'i Jodasy sy ireo mpitarika fivavahana.

#### naninjitra tanana tamin'i Jesosy, ary nisambotra Azy

"nihazona an'i Jesosy ary nisambotra Azy"

### Matthew 26:51

#### Indro

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny tranga mahatalanjona izay manaraka eo.

#### izay mandray sabatra

Azo atao hoe DH: "izay mandray sabatra hamonoana ny hafa"

#### ho vonoina amin'ny sabatra

"amin'ny sabatra no hamonoan'ny olona azy"

#### Mieritreritra va ianareo fa tsy afaka miantso ... roa ambin'ny folo?

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hampatsiahivana ilay olona niaraka tamin'ny sabatra fa afaka manakana ireo izay misambotra Azy i Jesosy. DH: "Fantatrareo tokoa fa afaka miantso ... roa ambin'ny folo"

**Raiko**

Fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**tafik'anjely mihoatra noho ny roa ambin'ny folo**

Ny tafika na "legiona" dia fomba fitenin'ny miaramila izay ilazana vondro-miaramila eo ho eo amin'ny 6,000. Ny tian'i Jesosy ho lazaina dia afaka mandefa anjely ampy hanakana mora foana ireo izay misambotra an'i Jesosy Andriamanitra. Tsy dia zava-dehibe ny isan'ireo anjely eto. DH: "mihoatra ny tafik'anjely 12"

**Fa atao ahoana izany no hahatanteraka ny Soratra Masina, izay milaza fa tsy maintsy hitranga izany?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hanazavana hoe nahoana no mamela ireo olona hisambotra Azy Izy. DH: "Fa raha nataoko izany, dia tsy ho afaka ny hantanteraka izay nolazain'Andriamanitra fa tsy maintsy hiseho tao amin'ny soratra masina Aho"

**Matthew 26:55****tonga miaraka amin'ny sabatra sy langilangy hisambotra Ahy tahaka ny jiolahy va ianareo?**

Mampiasa fanontaniana i Jesosy mba hanondroana ny tsy fetezan'ny nataon'izay nisambotra azy. DH: "Fantatrareo fa tsy mpangalatra Aho, koa diso ianareo raha tonga eto mairaka amin'ny sabatra sy langilangy"

**langilangy**

Tapaka hazo lava hikapohana olona.

**teo amin'ny tempoly Aho**

Tsy tena tao anatin'ny tempoly i Jesosy. Teo antokotany manodidina ny tempoly i Jesosy.

**mba hahatanteraka izay voasoratr'ireo mpaminany**

Azo atao hoe DH: "ho tanterahiko izay nosoratan'ireo mpaminany rehetra ao amin'ny soratra masina"

**nandao Azy**

Raha manana fomba hilazana fa nandao Azy izy ireo raha tokony hijanona miaraka aminy ny fitenin'ao, dia ampiasao eto izany.

**Matthew 26:57****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'ny nanadihadiana an'i Jesosy teo amin'ny synedrionan'ireo mpitarika Jiosy.

**Petera nanaraka Azy**

"nanaraka an'i Jesosy i Petera"

**kianjan'ny mpisoronabe**

toerana malalaka eo akaikin'ny tranon'ny mpisoronabe.

**Niditra tao anatin'ny izy**

"Niditra tao anatin'ny Jesosy"

**Matthew 26:59****Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**mba mety ahafahan'izy ireo**

Eto ny "izay ireo" dia manondro ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra.

**mety ahafahan'izy ireo mamono Azy**

"mety hananan'izy ireo antony hamonoana Azy"

**roa tonga nanatona teo**

"nisy lehilahy roa tonga nanatona teo" na "nisy vavolombelona roa tonga nanatona teo"

**Io lehilehy io dia niteny hoe: 'Afaka mandrava ny ... andro.'"**

Azonao adika ho fehezanteny iray ihany io. DH: "Nilaza io lehilahy io fa afaka mandrava ny ... andro"

**Io lehilahy io dia niteny hoe**

"Io Jesosy io niteny hoe"

**Matthew 26:62****Inona izany hampangan'izy ireo Anao izany**

Tsy mangataka fampahafantarana avy amin'i Jesosy momba izay nolazain'ireo vavolombelona ny lohan'ny mpisorona. Mangataka an'i Jesosy izy mba hanaporofa fa diso izay nolazain'ireo vavolombelona. DH: "Inona no havalinao izay hanoheran'ireo vavolombelona Anao?"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**Andriamanitra velona**

Eto ny "velona" dia mampifanohitra an'Andriamanitra amin'ireo andriamanitra tsy izy sy ireo sampy izay hivavahan'ny olona. Ny Andriamanitr'Israely ihany no velona sy manana hery hiasana. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 16:13.

**Voalazanao**

Io dia fomba fiteny izay ampiasain'i Jesosy mba hidika hoe "eny" kanefa tsy dia mazava ny tena tiany ho lazaina. DH: "efa manaiky izany ianao"

**Fa lazaiko aminareo, manomboka izao**

Miresaka amin'ireo mpisoronabe sy ireo olona teo i Jesosy.

**manomboka izao dia ho itanareo ny Zanak'Olonà**  
Ireo mety ho dikany dia 1) midika fa hahita ny Zanak'Olonà amin'ny heriny any aoriana any izy ireo na 2) nanomboka tamin'ny fitsarana an'i Jesosy mankany, dia mampiseho ny tenany Jesosy fa Izy ilay Mesia izay mahery sady mpandresy.

#### **Zanak'Olonà**

Milaza ny amin'ny teneny ihany i Jesosy.

**hipetraka eo an-tanana ankavanana ny Hery**  
Eto ny "Hery" dia ilazana an'Andriamanitra. DH: "eto an-tanana ankavanana'Andriamanitra Tsitoha"

**tonga eo amin'ny rahon'ny lanitra**  
"midina eto an-tany eo ambonin'ny rahon'ny lanitra"

#### **Matthew 26:65**

**ny mpisoronabe nandrovitra ny ankanjony**  
Ny fandrovitana akanjo dia mariky ny hatezerana sy alahelo.

**Niteny ratsy Izy**  
Amin'ny fiantsoana izany hoe fitenena-drasty, dia midika izany fa fantatry ny mpisoronabe hoe nilaza ho mitovy amin'Andriamanitra i Jesosy.

**Nahoana isika no mbola mila mpijoro vavolombelona?**  
Mampiasa io fanontaniana io ny mpisoronabe mba handindriana fa tsy mila mandre na inona na inona avy amina vavolombelona intsony ny filan-kevitra. DH: "Tsy mila mihaino na inona na inona avy amina vavolombelona intsony isika!"

**Indro, renareo**  
Manondro ny filan-kevitra ny "ianareo" eto.

#### **Matthew 26:67**

**Avy eo izy ireo**  
Ireo mety ho dikany dia 1) "Avy eo ny sasany tamin'ireo olona" na 2) "Avy eo ireo miaramila"

**nandrora ny tavany**  
Natao izany mba ho fanevatevana.

**Maminania aminay**  
Eto ny hoe "Maminania aminay" dia midika hoe miteny amin'ny herin'Andriamanitra. Tsy midika izany hoe milaza izay hitranga any aoriana.

**ry Kristy**  
Tsy tena mihevitra ireo namely an'i Jesosy fa Izy tokoa no Kristy. Niantso Azy toy izany izy ireo mba hananianiana Azy.

#### **Matthew 26:69**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ity no fiandohan'ny tantaran'ny nandavan'i Petera intelo ho tsy nahafantra an'i Jesosy, araka izay nolazain'i Jesosy fa ho ataony.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ireto tranga ireto dia niseho niaraka tamin'ny fitsarana an'i Jesosy teo anoloan'ireo mpitarika fivavahana.

#### **Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**Tsy fantatro izay resahanareo**  
Fantatr'i Petera izay nolazain'ilay mpanompo vavy. Nampiasa ireo teny ireo izy mba handavana fa niaraka tamin'i Jesosy izy.

#### **Matthew 26:71**

**Rehefa ... izy**  
"Rehefa ... i Petera"

**ny vavahady**  
Fidirana avy eo amin'ny rindrina manodidina ny tokontany.

**Mbola nandà indray izy niaraka tamin'ny fianianana hoe:**  
"Tsy fantatro izany lehilahy izany!"  
"nolaviny tamin'ny fianianana indray izany, ary hoy izy hoe: 'Tsy fantatro izany lehilahy izany!'"

#### **Matthew 26:73**

**iray amin'izy ireny**  
"iray amin'ireo niaraka tamin'i Jesosy"

**fa ny fomba firesakao dia miampanga anao**  
Azo atao fehezanteny vaovao io. DH: "Azo lazaina fa avy any Galilia ianao satria miteny toy ny Galiliana"

**nanazona**  
"nanazon-tena"

**naneno ny akoho**  
Ny akoho dia vorona izay maneno mafy eo ho eo amin'ny fotoana hiposahan'ny masoandro. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 26:33.

**Tsaroan'i Petera ny teny nambaran'i Jesosy hoe: "Mbola tsy maneno akoho dia handà Ahy intelo ianao."**  
Azo adika ho teny tsy mivantana io. DH: "Tsaroan'i Petera ny nilazan'i Jesosy taminy fa mialoha ny hanenoin'ny akoho, dia handà Azy intelo izy"



## Chapter 27

<sup>1</sup> Ary rehefa tonga ny maraina, dia nitetika hanohitra an'i Jesosy mba hamono Azy ireo lehiben'ny mpisorona sy ny loholona rehetra. <sup>2</sup> Izy ireo namatotra Azy, nitarika Azy tany ivelany, ary nanolotra Azy tamin'i Pilato governora. <sup>3</sup> Ary Jodasy, ilay namadika Azy, rehefa nahita fa voaheloka Jesosy, dia nibebaka izy ary namerina ireo volafotsy telopolo tamin'ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona, <sup>4</sup> ary niteny hoe: "Nanota aho tamin'ny namadihako rà tsy manan-tsiny." Fa izy ireo niteny hoe: "Ahoanay inona? Anao izany." <sup>5</sup> Dia natsipiny tao an-tempoly ireo volafotsy, ary nanainga, sy nivoaka ary nanantona ny tenany Izy. <sup>6</sup> Ireo lehiben'ny mpisorona naka ireo volafotsy ary niteny hoe: "Tsy ara-dalàna ny mametraka ity ao amin'ny fitehirizam-bola, satria ity dia vidin-drà." <sup>7</sup> Niara-niresaka ny olana izy ireo ary nividy ny sahan'ny mpanao vilany tanimanga izay handevenana ireo vahiny tamin'ireo vola. <sup>8</sup> Ary izany no antony niantsoana izany saha izany hoe: "Sahan'ny Rà" mandrak'androany. <sup>9</sup> Ary dia tanteraka izay voalaza tamin'ny mpaminany Jeremia, manao hoe: "Naka ny volafotsy telopolo izy ireo, vidy nanombanan'ireo vahoakan'Israely Azy, <sup>10</sup> ary izy ireo nanome izany ho an'ny sahan'ny mpanao vilany tanimanga, araka ny natoron'ny Tompo ahy." <sup>11</sup> Ary Jesosy nijoro teo anolohan'ny governora, ary ny governora nanontany Azy hoe, "Ianao va no mpanjakan'ireo Jiosy?" Jesosy namaly azy hoe: "Voalazanao." <sup>12</sup> Fa rehefa nampangain'ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona Izy, dia tsy namaly na inona na inona. <sup>13</sup> Dia niteny taminy Pilato hoe: "Tsy renao va ny fiampangana rehetra atao aminao?" <sup>14</sup> Fa tsy namaly na dia teny iray aza Izy, gaga tanteraka noho izany ny governora. <sup>15</sup> Ary isakin'ny firavoravoana dia fomban'ny governora ny mamotsotra gadra iray voafidin'ny vahoaka. <sup>16</sup> Tamin'io fotoana io, nanana gadra malaza ratsy antsoina hoe Barabasy izy ireo. <sup>17</sup> Noho izany rehefa niara-niangona izy ireo, dia hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Iza no tianareo halefako ho anareo? Barabasy, sa Jesosy izay antsoina hoe Kristy?" <sup>18</sup> Fantany fa nohon'ny fialonana no nanoloran'izy ireo an'i Jesosy taminy. <sup>19</sup> Raha nipetraka teo amin'ny seza fitsarana izy, dia nandefa teny taminy ny vadiny ary nanao hoe: "Tsy manana na inona na inona atao amin'ity lehilahy tsy manan-tsiny ity aho. Fa ory loatra aho androany nohon'ny nofy azoko momba Azy." <sup>20</sup> Ary ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona nandresy lahatra ny vahoaka mba hangataka an'i Barabasy, ary hampamono an'i Jesosy. <sup>21</sup> Nanontany azy ireo ny Governora hoe: "Iza amin'izy roa no tianareo halefako ho anareo?" Hoy izy ireo hoe: "Barabasy." <sup>22</sup> Pilato niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona no tokony ataoko amin'i Jesosy izay antsoina hoe Kristy?" Izy rehetra namaly hoe: "Fantsiho amin'ny hazofijaliana Izy." <sup>23</sup> Dia hoy Izy hoe: "Nahoana, inona no heloka nataony?" Fa vao mainka izy ireo nihiaka mafy hoe: "Fantsiho amin'ny hazofijaliana Izy." <sup>24</sup> Fa rehefa hitan'i Pilato fa tsy afaka hanao na inona na inona izy, kanefa efa nanomboka ny tabataba, dia naka rano izy, nanasa ny tanany teo anoloan'ny vahoaka, ary nanao hoe: "Tsy manan-tsiny amin'ny ràny ity lehilahy tsy manan-tsiny ity aho. Fa asanareo izany." <sup>25</sup> Ireo olona rehetra niteny hoe: "Ho aminay sy ny zanakay anie ny ràny." <sup>26</sup> Dia nalefany ho an'izy ireo Barabasy, fa nively karavasy an'i Jesosy izy ary nanolotra Azy ho fantsihina. <sup>27</sup> Avy eo ireo miaramilan'ny governora naka an'i Jesosy hankao an-dapa ary nanangona ireo vondrona miaramila rehetra. <sup>28</sup> Nanala ny fitafiany izy ireo ary nampanao akanjo jaky Azy. <sup>29</sup> Nanamboatra satro-boninahitra tsilo izy ireo ary nametraka izany teo an-dohany, ary nametraka tehina teo amin'ny tanany ankavanana. Nandohalika teo anatrehany izy ireo ary naneso Azy, nanao hoe: "Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!" <sup>30</sup> Nororain'izy ireo Izy, ary nalain'izy ireo ny tehina dia nikapoka Azy im-be dia be teo amin'ny lohany. <sup>31</sup> Rehefa avy naneso Azy izy ireo, dia nanala ny akanjo lavany ary nampitafy Azy ny fitafiany, ary nitondra Azy nivoaka mba hamantsika Azy amin'ny hazofijaliana. <sup>32</sup> Rehefa nivoaka izy ireo, dia nahita lehilahy iray avy any Syrena antsoina hoe Simona, izay noteren'izy ireo hiaraka amin'izy ireo mba hampilanjaina ny hazofijaliany. <sup>33</sup> Nankany amin'ny toerana antsoina hoe Golgota izy ireo, izay midika hoe "Toeran'ny Karandoha." <sup>34</sup> Nomen'izy ireo divay mifangaro amin'ny afero Izy mba ho sotroina. Fa rehefa nandramany izany, dia tsy nisotro Izy. <sup>35</sup> Rehefa nofantsihin'izy ireo tamin'ny hazofijaliana Izy, dia nataon'izy ireo loka ny fizarana ireo fitafiany, <sup>36</sup> ka nipetraka izy ireo ary nijanona niambina Azy. <sup>37</sup> Teo ambonin'ny lohany no nametrahan'izy ireo soratra milaza ny nanamelohana Azy, izay mivaky hoe: "Ity no Jesosy, mpanjakan'ireo Jiosy." <sup>38</sup> Nisy jiolahy roa nofantsihina niaraka taminy, ny iray teo ankavanany ary iray teo ankavia. <sup>39</sup> Ireo izay nandalo dia nanevateva Azy, nanivingivina ny lohan'izy ireo <sup>40</sup> ary nanao hoe: "Ianao izay handrava ny tempoly ary hanamboatra izany indray ao anatin'ny telo andro, vonjeo ny tenanao! Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, midinà avy eny amin'ny hazofijaliana!" <sup>41</sup> Toy izany koa ireo lehiben'ny mpisorona naneso Azy, niaraka tamin'ireo mpanora-dalàna sy ireo loholona, ary niteny hoe: <sup>42</sup> "Nanavotra ireo hafa Izy, fa tsy afaka manavotra ny tenany. Izy no mpanjakan'Israely. Avelao Izy hidina eny amin'ny hazofijaliana, ary dia hino Azy isika." <sup>43</sup> Natoky an'Andriamanitra Izy, avelao Andriamanitra hamonjy Azy

izao, raha mankasitraka ny hanafaka Azy Andriamanitra. Fa na Izy aza dia niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra.'" <sup>44</sup> Toy izany koa ireo jiolahy izay nofantsihina niaraka taminy niteny fanevatevana taminy ihany koa. <sup>45</sup> Ary nanomboka tamin'ny ora fahaenina dia nandrakotra ny tany rehetra ny aizina ka hatramin'ny ora fahasivy. <sup>46</sup> Teo amin'ny ora fahasivy, dia nihiaka tamin'ny feo mafy Jesosy ary nanao hoe: "Ely, Ely, lamà sabaktani?" Izay midika hoe: "Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no nandao Ahy Ianao?" <sup>47</sup> Rehefa ren'ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo izany, dia hoy izy ireo: "Miantso an'i Elia Izy." <sup>48</sup> Teo no eo dia nihazakazaka ny iray tamin'izy ireo ary naka spaonjy, namonto izany tamin'ny vinaingitra, nametraka izany tamin'ny tohitohina bararata, ary nanome izany Azy mba ho sotroina. <sup>49</sup> Ny sasany tamin'izy ireo niteny hoe: "Avelao Izy. Hitantsika eo raha ho tonga hamonjy Azy Elia." <sup>50</sup> Dia nihiaka tamin'ny feo mafy indray Jesosy ary nanolotra ny fanahiny. <sup>51</sup> Indro, ny lamban'ny tempoly nitriatra roa hatrany ambony ka hatrany ambany, ary nihorohoro ny tany, ary vaky nisasaka ireo vatolampy. <sup>52</sup> Nisokatra ireo fasana, ary ny fatin'ireo olon'Andriamanitra maro izay nodimandry dia natsangana. <sup>53</sup> Izy ireo dia nivoaka avy tao amin'ny fasana taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty, niditra ny tanàna masina, ary niseho tamin'ny maro. <sup>54</sup> Ary ireo kapiteny sy ireo izay nijery an'i Jesosy rehefa nahita ny horohoron-tany sy ireo zavatra izay nitranga, dia lasa natahotra mafy ary nanao hoe: "Zanak'Andriamanitra marina ity." <sup>55</sup> Nisy Vehivavy maro izay nanaraka an'i Jesosy hatrany Galilia mba hikarakara Azy teo nijery avy eny alavitra. <sup>56</sup> Tamin'izy ireo Maria Magdalena, Maria renin'i Jakoba sy Josefa, ary ny renin'ireo zanakalahin'i Zebedio. <sup>57</sup> Rehefa hariva ny andro, dia nisy lehilahy iray manankarena avy any Armatia tonga, antsoina hoe Josefa, izay mpianatr'i Jesosy ihany koa. <sup>58</sup> Nanatona an'i Pilato izy ary nangataka ny fatin'i Jesosy. Dia nobaikon'i Pilato omena azy izany. <sup>59</sup> Naka ny faty Josefa, namono izany tamin'ny lamba rongony madio, <sup>60</sup> ary nampandry izany tamin'ny fasany vaovao izay nolavahany tamin'ny vatolampy. Dia nanakodia vato lehibe hanohina ny varavaran'ny fasana izy ary nivoaka. <sup>61</sup> Maria Magdalena sy ireo Maria hafa dia teo, nipetraka teo ampitan'ny fasana. <sup>62</sup> Ny andro manaraka, izay andro aorian'ny Fanomanana, dia niara-niangona tamin'i Pilato ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo Fariseo. <sup>63</sup> Hoy izy ireo hoe: "Tompoko, tadidinay fa tamin'ny mbola velona iny mpamitaka iny, dia hoy Izy hoe: 'Aorian'ny telo andro, dia hitsangana indray Aho.'" <sup>64</sup> Ka noho izany, mandidia mba ho ambenana ny fasana hatramin'ny andro fahatelo, raha tsy izany ireo mpianany mety ho avy ary hangalatra Azy dia hiteny amin'ny olona hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy', ary ny fitaka farany dia ho ratsy noho ilay tamin'ny voalohany." <sup>65</sup> Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Makà mpiambina. Mandehana ary ambeno tsara araka izay vitanareo izany." <sup>66</sup> Dia nandeha izy ireo ary niambina ny fasana, nanisy tombo-kase ny vato ary nametraka ny mpiambina.

## Matthew 27:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fiandohan'ny tanataran'ny fitsarana an'i Jesosy teo anoloan'i Pilato.

### Ary

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

### nitetika hanohitra an'i Jesosy mba hamono Azy

Nanao tetika ny amin'ny fomba hahafahan'izy ireo mandresy lahatra ny mpitarika Romana hamono an'i Jesosy ireo mpitarika Jiosy.

### nanolotra Azy

"nitondra Azy"

## Matthew 27:3

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Nijanona tsy nilaza ny tanataran'i Jeosy ny mpanoratra eto ka afaka milaza ny tantaran'ny namonoan'i Jodasy tena.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity tranga ity dia niseho taorian'ny fitsarana an'i Jesosy teo amin'ny filan-kevitr'ireo mpitarika Jiosy, fa tsy fantatra raha nitranga taloha na nandritra ny fitsarana an'i Jesosy teo amin'i Pilato izany.

### fa voaheloka Jesosy

Azo atao hoe DH: "fa nomelohin'ireo mpitarika Jiosy i Jesosy"

### ireo volafotsy

Ireo no vola nomen'ireo lohan'ny mpisorona an'i Jodasy mba hamadihany an'i Jesosy. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 26:14.

### rà tsy manan-tsiny

Fomba fiteny izay ilazana ny fahafatesan'ny olona tsy manan-tsiny io. DH: "olona tsy mendrika ny ho faty"

### Ahoanay inona?

Mampiasa io fanontaninana io ireo mpitarika Jiosy mba hanindriana fa tsy miraharaha izay lazain'i Jodasy izy ireo. DH: "Tsy olanay izany" na "Olanao izany"

**natsipiny tao an-tempoly ireo volafotsy**

Ireo mety ho dikany dia 1) nanipy ireo volafotsy madinika telopolo izy raha mbola teo an-tokontanin'ny tempoly, na 2) nitsangana teo amin'ny tokontanin'ny tempoly izy, ary natsipiny tao an-tempoly ireo volafotsy madinika telopolo.

**Matthew 27:6****Tsy ara-dalàna ny mametraka ity**

"tsy mamela antsika hametraka ity ... ny lalàntsika"

**mametraka ity**

"mametraka ity volafotsy ity"

**fitehirizam-bola**

Io no fitoerana nitehirizan'izy ireo ny vola nampiasaina mba hanomezana ireo zavatra ilain'ny tempoly sy ireo mpisorona.

**vidin-drà**

Io dia fomba fiteny izay midika hoe vola nomena olona izay nanampy tamin'ny famonoana olona iray. DH: "vola nomena hamonoana olona"

**sahan'ny mpanao vilany tanimanga**

Io dia tany izay novidiana mba handevenana ireo vahiny maty tao Jerosalema.

**niantsoana izany saha izany**

Azo atao hoe DH: "nantsoin'ny olona hoe ... izany saha izany"

**mandrak'androany**

Tamin'ny fotoana nanoratan'i Matio ity boky ity no dikan'io.

**Matthew 27:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Mamerina teny avy ao amin'ny Testamenta Taloha ny mpanoratra mba hampisehoana fa ny fomonaon-tenan'i Jodasy dia fahatanterahan'ny faminaniana.

**Ary dia tanteraka izay voalaza tamin'ny mpaminany Jeremia**

Azo atao hoe DH: "izany no nanatanteraka izay nolazain'i Jeremia mpaminany"

**ireo vahoakan'Israely Azy**

Ilazana ireo isan'ny vahoakan'Israely izay nandoa vola hamonoana an'i Jesosy io. DH: "ny sasany amin'ireo vahoakan'Israely" na "ireo mpitarik'Israely"

**araka ny natoron'ny Tompo ahy**

Eto ny "ahy" dia manondro an'i Jeremia.

**Matthew 27:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no tohin'ny tantaran'ny fitsarana an'i Jesosy teo anoloan'i Pilato, izay niantomboka tao amin'ny 27:1.

**ny governora**

"Pilato"

**Voalazanao**

Io dia fomba fiteny izay ampasain'i Jesosy hilazana hoe "eny" saingy tsy tena mazava tsara ny tiany ho lazaina. DH: "Efa manaiky izany ianao"

**Fa rehefa nampangain'ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona Izy**

Azo atao hoe DH: "fa rehefa niampanga Azy ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholona"

**Tsy renao va ny fiampangana rehetra atao aminao?**

Mametraka io fanontaniana io i Pilato satria gaga izy ny amin'ny fahanginan'i Jesosy. DH: "Gaga aho fa tsy mamaly ireo olona niampanga Anao ho manao zava-dratsy ianao!"

**teny iray aza Izy, gaga tanteraka noho izany ny governora**

"teny iray aza; nahagaga tanteraka ny governora izany"

**Matthew 27:15****Ary**

Ampiasaina io teny io eto mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fandehan'ny tantara mba hahafahan'ny mpanoratra manampy ny mpamaky hahazo izay mitranga manomboka eo amin'ny 27:17.

**firavoravoana**

Io no fety fankalazana ny Paska.

**gadra iray voafidin'ny vahoaka**

Azo atao hoe DH: "gadra izay ho fidian'ireo vahoaka"

**nanana gadra malaza ratsy**

"nisy mpangalatra nalaza ratsy"

**malaza ratsy**

fantatra amin'ny fanaovana zavatra ratsy

**Matthew 27:17****niara-niangona izy ireo**

Azo atao hoe DH: "niara-niangona ireo vahoaka"

**Jesosy izay antsoina hoe Kristy**

Azo adika hoe DH: "izay antsoin'ny olona sasany hoe Kristy"

**nanoloran'izy ireo an'i Jesosy taminy**

"Nentin'ireo mpitarika Jiosy teo aminy i Jesosy." Nataon'izy ireo izany mba hitsaran'i Pilato Azy.

**Raha nipetraka ... izy**

"Raha nipetraka ... i Pilato"



**nipetraka teo amin'ny seza fitsarana**

"nipetraka teo amin'ny sezan'ny mpitsara." Eo no hipetrahan'ny mpitsara rehefa mandray fanapahan-kevitra.

**nandefa teny**

Eto ny "teny" dia ilazana hafatra iray. DH: "nandefa hafatra"

**ory loatra aho androany**

"nirohoroho saina be aho androany"

**Matthew 27:20****Ary ... hampamono an'i Jesosy**

Io teny hoe "Ary" io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Milaza fampahafantarana fohifohy momba ny antony nisafidianan'ny vahoaka an'i Barabasy i Matio.

**hampamono an'i Jesosy**

Azo adika hoe DH: "hiantso ireo miaramila Romana mba hamono an'i Jesosy"

**Nanontany azy ireo**

"Nanontany tamin'ireo vahoaka"

**izay antsoina hoe Kristy**

Azo atao hoe DH: "izay antsoin'ny olona sasany hoe Kristy"

**Matthew 27:23****nataony**

"nataon'i Jesosy"

**izy ireo nihiaka mafy**

"nihiaka mafy ireo vahoaka"

**nanasa ny tanany teo anoloan'ny vahoaka**

Nanao izany i Pilato ho famantarana fa tsy tompon'andraikitra amin'ny fahafatesan'i Jesosy izy.

**ny rà**

Eto ny "rà" dia ilazana ny fahafatesan'ny olona iray. DH: "ny fahafatesana"

**Fa asanareo izany**

"Ianareo no tompon'andraikitra amin'izany"

**Matthew 27:25****Ho aminay sy ny zanakay anie ny ràny**

Eto ny "rà" dia ilazana ny fahafatesan'ny olona iray. Ny fehezanteny hoe "Ho aminay sy ny zanakay" dia fomba fiteny izay midika fa manaiky ny ho tompon'andraikitra amin'izay zava-mitranga izy ireo. DH: "Eny! Ho tompon'andraikitra amin'ny famonoana Azy izahay sy ny taranakay!"

**Dia nalefany ho an'izy ireo Barabasy**

"Avy eo dia navotsotr'i Pilato ho an'ireo vahoaka i Barabasy"

**nively karavasy an'i Jesosy izy**

Misy hevitra ambadika izany fa ireo miaramilan'i Pilato no nikaravasy an'i Jesosy. DH: "Namely karavasy an'i Jesosy ireo miaramilan'i Pilato"

**nively karavasy**

Nikapoka olona amin'ny karavasy

**nanolotra Azy ho fantsihina**

Azo atao hoe DH: "ary nanome baiko ireo miaramilany i Pilato mba hanombo an'i Jesosy"

**Matthew 27:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiantombohan'ny tantaran'ny fanomboana sy fahafatesan'i Jesosy.

**jaky**

Mena midorehitra

**satro-boninahitra tsilo**

"satro-boninahitra vita amin'ny tsilo" na "satro-boninahitra vita amin'ny ratsan-kazo misy tsilo"

**tehina teo amin'ny tanany ankavanana**

Nomen'izy ireo tehina i Jesosy mba hanehoana ny tehim-panjakana izay tazonin'ny mpanjaka. Nanao izany izy ireo mba hanamavoana an'i Jesosy.

**Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy**

Niteny izany izy ireo mba hanevatevana an'i Jesosy. Nantsoin'izy ireo hoe "Mpanjakan'ny Jiosy" i Jesosy, fa tsy tena nino izy ireo fa mpanjaka Izy. Kanefa dia marina izay nolazain'izy ireo.

**Arahaba**

"Manaja Anao" na "Ho ela velona anie ianao"

**Matthew 27:30****Nororain'izy ireo Izy**

"Nandrorra teo amin'i Jesosy izy ireo"

**Matthew 27:32****Rehefa nivoaka izy ireo**

Nivoaka ny tanàna i Jesosy sy ireo miaramila no dikan'izany. DH: "Raha nivoaka an'i Jerosalema izy ireo"

**dia nahita lehilahy iray**

"nahita lehilahy iray ireo miaramila"

**izay noteren'izy ireo hiaraka amin'izy ireo mba hampilanjaina ny hazofijaliany**

"izay noteren'izy ireo hiaraka amin'izy ireo mba hahafahany milanja ny hazofijalian'i Jesosy"

**toerana antsoina hoe Golgota**

Azo atao hoe DH: "toerana izay nantsoin'ny olona hoe Golgota"

**divay mifangaro amin'ny afero Izy mba ho sotroina**

Azo atao hoe DH: "divay, izay nafangaron'izy ireo afero"

**afero**

ilay tsiranoka mangidy, mavo izay handevonan'ny vatana sakafo

**Matthew 27:35****ireo fitafiany**

Ireo dia fitafiana izay nanaovan'i Jesosy.

**ny nanamelohana Azy**

Eto ny "fanamelohana" dia ilazana ny hazo fisaka izay nanoratan'ny olona iray ny antony nanomboan'izy ireo an'i Jesosy.

**Matthew 27:38****Nisy jiolahy roa nofantsihina niaraka tamin'ny**

Azo atao hoe DH: "Nisy jiolahy roa voahombon'ireo miaramila niaraka tamin'i Jesosy"

**nanivingivina ny lohan'izy ireo**

Nanao izany izy ireo mba ho fiomehezana i Jesosy.

**Raha ianao no Zanak'Andriamanitra, midinà avy eny amin'ny hazofijaliana**

Tsy nino izy ireo fa Zanak'Andriamanitra i Jesosy, noho izany dia te hanaporofo izy ireo raha tena marina izany. DH: "Raha ianao no Zanak'Andriamanitra, porofon'izany amin'ny fidinana avy eo amin'ny hazofijaliana"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja izay mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy io.

**Matthew 27:41****Nanavotra ireo hafa Izy, fa tsy afaka manavotra ny tenany**

Ireo mety ho dikany dia 1) tsy mino ireo mpitarika Jiosy fa nanavotra ny hafa na afaka manavotra ny tenany i Jesosy, na 2) mino izy ireo fa namonjy ny hafa Izy saingy miomehy Azy izy ireo satria tsy afaka manavotra ny tenany Izy.

**Izy no mpanjakan'Israely**

Miomehy an'i Jesosy ireo mpitarika. Antsoin'izy ireo hoe "Mpanjakan'Israely" Izy, fa tsy tena mino izy ireo fa mpanjaka Izy. DH: "Milaza Izy fa Mpanjakan'Israely"

**Matthew 27:43****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Manohy manamavo an'i Jesosy ireo mpitarika Jiosy.

**Fa na Izy aza dia niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra.'**

Azo adika ho filazana tsy mivantana io. DH: "satria Jesosy nilaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mampiseho ny fifandraisany amin'Andriamanitra io.

**ireo jiolahy izay nofantsihina niaraka tamin'ny**

Azo atao hoe DH: "ireo jiolahy nomboan'ireo miaramila niaraka tamin'i Jesosy"

**Matthew 27:45****Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**nanomboka tamin'ny ora fahaenina ... hatramin'ny ora fahasivy**

"nanomboka teo ho eo amin'ny mitatao vovonana ... nandritra ny adiny telo" na "nanomboka teo ho eo amin'ny roambin'ny folo ora atoandro ... hatramin'ny manodidina ny telo ora tolakandro"

**nandrakotra ny tany rehetra ny haizina**

Ny teny hoe "aizina" dia azo adika hoe DH: "lasa maizina teo ny tany manontolo"

**nihiaika tamin'ny feo mafy Jesosy**

"niantsoantso mafy i Jesosy" na "nitabataba i Jesosy"

**Ely, Ely, lamà sabaktani**

Ireo teny niantsoantsoan'i Jesosy ireo dia amin'ny fiteniny manokana. Matetika dia avelan'ireo mpandika teny amin'izao ihany io.

**Matthew 27:48****ny iray tamin'izy ireo**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny iray tamin'ireo miaramila na 2) iray tamin'ireo nijorojoro sy nanatrika teo.

**spaoanjy**

Io dia bibin-dranomasina izay hangonina ary ampiasaina mba hihazonana na hakana ireo tsiranoka. Ary afaka avoaka ireo tsiranoka ireo kelikely avy eo.

**nanome izany Azy**

"nanome izany an'i Jesosy"

**nanolotra ny fanahiny**

Eto ny "fanahy" dia ilazana ilay manome aina ny olona iray. Io fehezanteny io dia fomba hilazana fa maty i Jesosy. DH: "maty, nanolotra ny fanahiny ho an'Andriamanitra Izy" na "nanolotra ny farafon'ainy Izy"

**Matthew 27:51****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiantombohan'ny fitantarana ireo tranga niseho rehefa maty i Jesosy.

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny fampahafantarana mahatalanjona izay ho avy manaraka eo.

**ny lamban'ny tempoly nitriatra roa**

Azo atao hoe DH: "nizara roa ny lamban'ny tempoly" na "nataon'Andriamanitra nizara roa ny lamban'ny tempoly"

**Nisokatra ireo fasana, ary ny fatin'ireo olon'Andriamanitra maro izay nodimandry dia natsangana**

Azo atao hoe DH: "Nosokafan'Andriamanitra ireo fasana ary natsangany ireo fatin'ny olon'Andriamanitra izay efa maty"

**izay nodimandry**

Fomba mihaja ilazana ny hoe maty io. DH: "maty"

**Nisokatra ireo fasana ... niseho tamin'ny maro**

Tsy dia mazava tsara ny filaharan'ny zava-mitranga. Taorian'ny horohoron-tany tamin'ny maty i Jesosy dia nisokatra ireo fasana 1) velona indray ireo olo-masina, ary taorian'ny nahaveloman'i Jesosy indray, dia niditra tao Jerosalema izay nahitan'ny olona maro azy ireo ny olo-masina, na 2) Velona indray i Jesosy, avy eo dia velona indray ireo masina ary niditra ny tanànan'i Jerosalema izay nahitan'ny olona maro azy ireo.

**Matthew 27:54****Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**sy ireo izay nijery an'i Jesosy**

"ary ireo miaramila hafa izay nitazana an'i Jesosy"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mampiseho ny fifandraisany amin'Andriamanitra io.

**renin'ireo zanakalahin'i Zebedio**

"ny renin'i Jakoba sy Jaona" na "ny vadin'i Zebedio"

**Matthew 27:57****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fanombohan'ny tantaran'ny fandevenana an'i Jesosy.

**Armatia**

Anarana tanàna iray ao Israely io.

**Dia nobaikon'i Pilato omena azy izany**

Azo atao hoe DH: "Ary nanome baiko ireo miaramilany i Pilato mba hanomezana ny fatin'i Jesosy an'i Josefa"

**Matthew 27:59****rongony**

Lamba tsara, lafo vidy

**olavahany tamin'ny vatolampy**

Midika izany fa i Josefa dia nanana mpiasa nandavaka ilay fasana tamin'ny vatolampy.

**Dia nanakodia vato lehibe**

Nanana olona hafa nanampy azy hanakodia ilay vato i Josefa.

**Matthew 27:62****ny Fanomanana**

Io no andro hanomanan'ny olona ny zavatra rehetra ho an'ny Sabata.

**niara-niangona tamin'i Pilato**

"nihaona tamin'i Pilato"

**tamin'ny mbola velona iny mpamitaka iny**

"tamin'ny mbola velona i Jesosy, ilay mpamitaka"

**hozy Izy hoe: 'Aorian'ny telo andro, dia hitsangana indray Aho.'**

Io dia farango sosona anaty farango sosona. DH: "nilaza Izy fa afaka telo andro dia hitsangana indray"

**mandidia mba ho ambenana ny fasana**

Azo atao hoe DH: "didio ireo miaramilanao mba hiambina ny fasana"

**hangalatra Azy**

"hangalatra ny fatiny"

**hiteny amin'ny olona hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy'**

Farango sosona anaty farango sosona io. Azo adika hoe DH: "hilaza amin'ny olona fa nitsangana tamin'ny maty Izy"

**ny fitaka farany dia ho ratsy noho ilay tamin'ny**

**voalohany ny fitaka farany dia ho ratsy noho ilay tamin'ny voalohany**

Azo adika mazava tsara ny hevitra efa voaray eto. DH: "raha mamitaka ny olona amin'ny filazana

izany izy ireo, dia ho ratsy lavitra noho ny fomba namitahany ny olona teo aloha tamin'ny nilazany fa izy no Kristy izany"

**Matthew 27:65**

**mpiambina**

Miaramila efatra ka hatramin'ny enina ambin'ny folo izany.

**nanisy tombo-kase**

Ireo mety ho dikany dia 1) nasian'izy ireo tady nanodidina ilay vato ary nahanton'izy ireo teo amin'ny vato izany na 2) nasian'izy ireo tombokase teo anelanelan'ilay vato sy ny rindrina.

**nametraka ny mpiambina**

"niteny tamin'ireo miaramila mba hijoro eny amin'ny toerana ahafahan'izy ireo misakana ireo vahoaka tsy hikasika ny fasana"

## Chapter 28

<sup>1</sup> Ary tamin'ny alin'ny Sabata, raha vao nanomboka mangiran-dratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia lasa nandeha nijery ny fasana Maria Magdalena sy ilay Maria iray hafa. <sup>2</sup> Indro, nisy horohoron-tany be, fa ny anjelin'ny Tompo no nidina avy any an-danitra, tonga ary nanakodia ny vato, ka nipetraka teo ambonin'izany. <sup>3</sup> Ny endriny dia toy ny tselatra, ary ny akanjony dia fotsy tahaka ny oram-panala. <sup>4</sup> Raiki-tahotra ireo mpiambina ka nanjary tahaka ny lehilahy maty. <sup>5</sup> Niresaka tamin'ireo vehivavy ilay anjely ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra, fantatro fa mitady an'i Jesosy ianareo, ilay nofantsihina tamin'ny hazofijaliana. <sup>6</sup> Tsy ato Izy, fa efa nitsangana, araka ny efa nolazainy. Avia jereo ny toerana izay nandrian'ny Tompo. <sup>7</sup> Mandehana faingana ary teneno ireo mpianany hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy. Indro, efa nandeha nialoha anareo any Galilea Izy. Any no hahitanareo Azy.' Indro, efa voalazako taminareo." <sup>8</sup> Nandao haingana ny fasana tamin-tahotra sy tamin'ny hafaliana lehibe ireo vehivavy, ary nihazakazaka mba hiteny ireo mpianany. <sup>9</sup> Indro, nihaona tamin'izy ireo Jesosy ary niteny hoe: "Arahaba!" Nanatona ireo vehivavy, nihazona ny tongony ary nidera Azy. <sup>10</sup> Ary avy eo Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra. Mandehana miteny amin'ireo rahalahiko mba hiala ka hihazo an'i Galilia. Any no hahitan'izy ireo Ahy." <sup>11</sup> Ary raha mbola iny nandeha iny ireo vehivavy, indro, ny sasany tamin'ireo mpiambina nankany amin'ny tanàn-dehibe ary niteny tamin'ny lohan'ny mpisorona ny zavatra rehetra izay niseho. <sup>12</sup> Rehefa nihaona tamin'ireo loholona ny mpisorona ary niresaka momban'ny olana tamin'izy ireo, dia nanome vola be an'ireo miaramila izy ireo. <sup>13</sup> Ary niteny azy ireo hoe: "Lazao amin'ireo hafa hoe: 'Tonga tamin'ny andro alina ireo mpianatr'i Jesosy ary nangalatra ny vatany raha mbola natory izahay.' <sup>14</sup> Raha tonga any amin'ny governora izany tatitra izany, dia handresy lahatra azy isika ary hanala ny ahiahy aminareo." <sup>15</sup> Ary dia nalain'ny miaramila ny vola ary nanao araka izay efa nolazaina azy izy ireo. Ary izany tatitra izany dia nieli-patrana teo amin'ireo Jiosy ary mitohy mandrak'anketritry aza. <sup>16</sup> Fa nankany Galilea ireo mpianatra iraka ambin'ny folo, tany amin'ny tendrombohitra izay efa natoron'i Jesosy azy ireo. <sup>17</sup> Rehefa nahita Azy izy ireo, dia nidera azy, fa ny sasany kosa niahiahy. <sup>18</sup> Nanatona azy ireo Jesosy ka niresaka tamin'izy ireo ary niteny hoe: "Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany. <sup>19</sup> Koa mandehana ary ataovy tonga mpianatro ny firenen-drehetra. Ataovy batisa izy ireo amin'ny anaran'ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina. <sup>20</sup> Ampianaro izy ireo hankatoa ny zavatra rehetra izay nandidiako anareo. Indro, miaraka aminareo foana Aho, eny fa na hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao aza."

### Matthew 28:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fiandohan'ny tantaran'ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty.

**Ary tamin'ny alin'ny Sabata, raha vao nanomboka mangiran-dratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro**  
"Taorian'ny nahataperan'ny Sabata, rehefa nipoaka ny masoandro ny alahady maraina"

#### Ary

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

#### ilay Maria iray hafa

"Ilay vehivavy iray hafa antsoina hoe Maria." I Maria renin'i Jakoba sy Josefa io.

#### Indro

Ny teny hoe "indro" eto dia manaitra ny saintsika ny amin'ny tranga mahatalanjona izay manaraka eo. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

#### nisy horohoron-tany be, fa ny anjelin'ny Tompo no nidina ... ary nanakodia ny vato

Ireo mety ho dikany dia 1) niseho ilay horohoron-tany satria nidina ary nanakodia ilay vato ilay anjely na 2) niara-nitranga tamin'ny fotoana iray ireo tranga ireo.

#### horohoron-tany

Fiovitrovitry ny tany tampoka.

### Matthew 28:3

#### Ny endriny

"Ny endrik'ilay anjely"

#### dia toy ny tselatra

Io dia fampitahana izay manindry mafy ny famirapiratan'ny endrik'ilay anjely. DH: "mamiratra toy ny tselatra"

#### ny akanjony dia fotsy tahaka ny oram-panala

Io dia fampitahana izay manindry mafy ny famirampiratana sy fahafotsian'ny fitafian'ilay anjely. DH: "fotsy tanteraka toy ny oram-panala ny fitafiany"

**nanjary tahaka ny lehilahy maty**

Io dia fampitahana izay midika fa nianjera ireo miaramila ary tsy nihetsika. DH: "ary nianjera tamin'ny tany ka nidaboka teo toy ny olona maty"

**Matthew 28:5****ireo vehivavy**

"Maria Magdalena sy ilay vehivavy iray antsoina hoe Maria"

**ilay nofantsihina tamin'ny hazofijaliana**

Azo atao hoe DH: "izay nomboan'ny olona sy ireo miaramila" na "izay nomboan'izy ireo"

**Nitsangana tamin'ny maty Izy**

Ny teny hoe "tamin'ny maty" dia ilazana ny toerana alehan'ny fanahin'ireo maty. DH: "efa velona indray Izy"

**teneno ireo mpianany hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy. Indro, efa nandeha nialoha anareo any Galilea Izy. Any no hahitanareo Azy.'**

Farango sosona anaty farango sosona io. Azo adika hoe DH: "lazao amin'ireo mpianany fa nitsangana tamin'ny maty ary nandeha nialoha lalana anareo ho any Galilea izay hahitanareo Azy i Jesosy"

**nandeha nialoha anareo ... hahitanareo Azy**

Manondro ireo vehivavy sy ireo mpianatra io.

**voalazako taminareo**

Eto ny "taminareo" dia manondro ireo vehivavy.

**Matthew 28:8****ireo vehivavy**

"Maria Magdalena sy vehivavy iray hafa antsoina hoe Maria"

**Indro**

Ny teny hoe "Indro" eto dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny tranga mahatalanjona izay manaraka eo. Mety manana fomba hanaovana izany ny fiteniniao.

**Arahaba**

Fomba fiarahabana mahazatra io, mitovy amin'ny hoe "manao ahoana" amin'ny teny malagasy.

**nihazona ny tongony**

"nandohalika ary nihazona ny tongony"

**rahalahiko**

Manondro ireo mpianatr'i Jesosy io.

**Matthew 28:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiandohan'ny tantara milaza ny nasetrin'ireo mpitarika Jiosy rehefa nandre ny amin'ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty izy ireo.

**Ary**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara. Eto i Matio dia manomboka mitantara fizaran-tantara vaovao.

**ireo vehivavy**

Manondro an'i Maria Magdalena sy ilay Maria hafa io.

**indro**

Io dia manamarika ny fanomboahan-tranga vaovao ao amin'ny fizotry ny tantara. Mety hisy olona hafa noho ny teo aloha ho tafiditra ao. Mety manana fomba hanehoana izany ny fiteniniao.

**niresaka momban'ny olana tamin'izy ireo**

"nitady hevitra teo amin'izy ireo." Nanapa-kevitra ny hanome vola ho an'ireo miaramila ireo mpisorana sy ireo loholona.

**Lazao amin'ireo hafa hoe: 'Tonga tamin'ny andro alina ireo mpianatr'i Jesosy ... raha mbola natory izahay.'**

Azonao adika ho teny iray io. DH: "lazao amin'ny hafa fa tonga ireo mpianatr'i Jesosy ... raha mbola natory ianareo"

**Matthew 28:14****Raha tonga any amin'ny governora izany tatitra izany**

"Raha ren'ny governora fa resin-tory ianareo tamin'ny nagalan'ireo mpianatr'i Jesosy ny fatiny"

**ny governora**

"Pilato"

**handresy lahatra azy isika ary hanala ny ahiahy aminareo**

"aza manahy. Hiresaka aminy izahay mba tsy hamaizany anareo."

**nanao araka izay efa nolazaina azy izy ireo**

Azo adika hoe DH: "nanao izay nasain'ny mpisorona hataon'izy ireo"

**Ary izany tatitra izany dia nieli-patrana teo amin'ireo Jiosy ary mitohy mandrak'ankehitry aza**

"Maro ireo Jiosy no naheno izany tatitra izany ary manohy milaza amin'ny hafa momba izany na dia hatramin'izao aza"

**mandrak'ankehitry aza**

Tamin'ny fotoana nanoratan'i Matio ity boky ity izany.

**Matthew 28:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity no fiandohan'ny tantaran'ny fihaonan'i Jesosy tamin'ireo mpianany taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty.

**dia nidera azy, fa ny sasany kosa niahiahy**

Ireo mety ho dikany dia 1) nidera an'i Jesosy avokoa izy ireo na dia niasalasala aza ny sasany tamin'izy ireo, na 2) nidera an'i Jesosy ny sasany tamin'izy ireo, fa ny sasany kosa tsy nidera Azy satria niasalasala izy ireo.

**fa ny sasany kosa niahiahy**

Azo atao mazava ny niaiahian'ireo mpianatra. DH: "ny sasany nanahy raha tena Jesosy tokoa Izy ary nanjary velona indray"

**Matthew 28:18****Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra**

Azo atao hoe DH: "Nomen'ny Ray Ahy ny fahefana rehetra"

**any an-danitra sy ety an-tany**

Eto dia miaraka ampiasaina ny hoe "lanitra" sy "tany" mba hilazana ny olon-drehetra sy ny zava-drehetra any an-danitra sy ety an-tany.

**firenen-drehetra**

Eto ny "firenena" dia ilazana ny olona. DH: "ny olon-drehetra ao amin'ny firenena rehetra"

**amin'ny anaran'ny**

Eto ny "anarana" dia ilazana ny fahefana. DH: "amin'ny fahefan'ny"

**Ray ... Zanaka**

Fiantsoana manan-danja mampiseho ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy ireo.

**Matthew 28:20****Indro**

"Henoy"

**na hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao aza**

"hatramin'ny faran'izao andro izao" na "hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao"

## Book: Mark

### Mark

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Ity ny fiandohan'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. <sup>2</sup> Araka izay voasoratra ao amin'Isaia mpaminany hoe: "Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, ilay iray hamboatra ny lalanao. <sup>3</sup> Misy feo re miantso mafy any an'efitra hoe: "Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo; ataovy mahitsy ny lalan-kalehany." <sup>4</sup> Tonga Jaona, nanao batisa tany an'efitra ary nitory ny batisan'ny fibebahana ho amin'ny famelan-keloka nohon'ny ota. <sup>5</sup> Ny tanin'i Jodia rehetra sy ny mponina rehetra ao Jerosalema dia tonga nanatona azy. Nataony batisa tao amin'ny onin'i Jordana izy ireo, rehefa niaiky ny fahotany. <sup>6</sup> Jaona dia nitafy lamba volon-drameva ary nanao fehikibo hoditra teo am-balahany, ary valala sy tantely remby no nohaniny. <sup>7</sup> Nanambara izy hoe: "Misy iray ho avy manaraka ahy izay mahery mihoatra ahy, ary tsy mendrika aho na dia ny hamaha ny fehin-kapany aza. <sup>8</sup> Izaho nanao batisa anareo tamin'ny rano, fa Izy kosa hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina." <sup>9</sup> Tamin'ireo andro nahatongavan'i Jesosy avy any Nazareta tao Galilia no nitranga izany, ary nataon'i Jaona batisa tao amin'ny onin'i Jordana Izy. <sup>10</sup> Raha vao nivoaka ny rano Jesosy, dia hitany nisokatra ny lanitra ary nidina teo aminy tahaka ny voromailala ny Fanahy. <sup>11</sup> Ary nisy feo avy any an-danitra nanao hoe: "Ianao no Zanaiko malalako. Ianao no sitrako." <sup>12</sup> Avy eo dia notaomin'ny Fanahy ho any an'efitra Jesosy. <sup>13</sup> Efapolo andro Izy no tany an'efitra, nalain'ny satana fanahy. Nitoetra niaraka tamin'ny bibidia Izy, ary nanompo Azy ireo anjely. <sup>14</sup> Ary rehefa voasambotra Jaona, dia tonga tao Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran' Andriamanitra, <sup>15</sup> ary nilaza hoe: "Efa tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. Mibebaha dia minoa ny filazantsara." <sup>16</sup> Rehefa nandeha teny amoron-dranomasin'i Galilia Izy, dia nahita an'i Simona sy Andrea rahalahan'i Simona nanarato, satria mpanarato izy ireo. <sup>17</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avia, manaraha Ahy, fa ataoko mpanarato olona ianareo." <sup>18</sup> Teo no eo dia namela ny harato izy ireo ka nanaraka Azy. <sup>19</sup> Rehefa nandeha lavidavitra Jesosy, dia nahita an'i Jakoba zanak'i Zebedio sy Jaona rahalahiny; izay tao an-tsambokely namboatra ny harato. <sup>20</sup> Niantso azy ireo Izy ka dia nilaozany tao an-tsambokely avy hatrany Zebedio rainy niaraka tamin'ireo mpikarama, ka nanaraka Azy izy ireo. <sup>21</sup> Avy eo dia tonga tao Kapernaomy izy ireo, ary tamin'ny andro Sabata, dia niditra tao amin'ny synagoga Jesosy ary nampianatra. <sup>22</sup> Talanjona tamin'ny fampianarany izy ireo, satria nampianatra azy ireo toy ny olona manana fahefana Izy fa tsy tahaka ireo mpanora-dalàna. <sup>23</sup> Avy eo nisy lehilahy iray tao amin'ny synagogan'izy ireo izay nanana fanahy maloto nihiaka mafy, <sup>24</sup> nanao hoe: "Inona no hifandraisanay aminao, ry Jesosy avy any Nazareta? Tonga hamotika anay va Ianao? Fantatro hoe iza Ianao. Ianao ilay Masin'Andriamanitra!" <sup>25</sup> Niteny mafy ny demonia Jesosy ka nanao hoe: "Mangina ary mivoaha aminy!" <sup>26</sup> Ary ilay fanahy maloto nandavo azy sy nivoaka taminy ka niantso tamin'ny feo mahery. <sup>27</sup> Talanjona ny olona rehetra, ka nifanontany izy ireo hoe: "Inona ity? Fampianarana vaovao misy fahefana? Baikoiny na dia ireo fanahy maloto aza ary manaiky Azy izy ireo!" <sup>28</sup> Ny vaovao momba Azy dia niparitaka teny rehetra teny tao amin'ny faritr'i Galilia iray manontolo. <sup>29</sup> Rehefa avy nivoaka ny synagoga, dia tonga tao an-tranon'i Simona sy Andrea izy ireo, niaraka tamin'i Jakoba sy Jaona. <sup>30</sup> Ary ny rafozam-bavin'i Simona nandry naranin'ny tazo, ka nolazain'izy ireo an'i Jesosy ny momba azy. <sup>31</sup> Dia nanatona Izy, ka nandray azy tamin'ny tanany, ary nanarina azy; dia afaka ny tazony, ary nanomboka nanompo azy ireo izy. <sup>32</sup> Tamin'io hariva io, taorian'ny filentehan'ny masoandro, dia nentin'izy ireo teo aminy izay narary rehetra na misy demonia. <sup>33</sup> Tafavory niaraka teo am-baravarana ny tao an-tanàna rehetra. <sup>34</sup> Nanasitrana olona maro izay naranin'ny aretina samihafa Izy ary nandroaka demonia maro, fa tsy navelany hiteny ireo demonia satria nahafantatra Azy izy ireo. <sup>35</sup> Nifoha maraina be Izy, raha mbola maizina ny andro; niala teo Izy ka nandeha tany amin'ny toerana mitokana ary teo Izy no nivavaka. <sup>36</sup> Nitady Azy Simona sy ireo izay niaraka taminy. <sup>37</sup> Nahita Azy izy ireo ary nilaza taminy hoe: "Mitady Anao ny olona rehetra." <sup>38</sup> Hoy Izy hoe: "Andeha isika ho any amin'ny toeran-kafa, any ivelany ao amin'ireo tanàna manodidina, mba hafahako mitory teny any koa. Fa izany no antony nivoahako taty." <sup>39</sup> Dia nitety an'i Galilia manontolo Izy, nitory teny tao amin'ny synagogan'izy ireo sady nandroaka demonia maro. <sup>40</sup> Nisy boka iray tonga teo aminy. Nitalaho taminy izy; nandohalika teo Aminy ary nilaza taminy hoe: "Raha sitrakao, dia afaka manadio ahy Ianao." <sup>41</sup> Onena azy, dia naninjitra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, nanao taminy hoe: "Sitrako. Madiova ianao." <sup>42</sup> Niala taminy avy hatrany ny habokana, ary nadio izy. <sup>43</sup> Nampitandrina mafy



azy Jesosy ary nandefa azy. <sup>44</sup> Hoy Izy taminy hoe: "Tandremo tsy hilaza na inona na inona amin'iza na amin'iza ianao, fa mandehana, aseho amin'ny mpisorona ny tenanao, ary manaova fanatitra nohon'ny fanadiovana anao araka ny nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona ho azy ireo." <sup>45</sup> Fa nivoaka izy ary nanomboka nilaza tamin'ny olona rehetra sy nampieloy loatra ny teny ka dia tsy afaka niditra an-kalalahana tany amin'ny tanàna rehetra intsony Jesosy. Ka nitoetra tany ivelany tany amin'ny toerana mitokana Izy ary nanatona Azy ny olona avy amin'ny toerana rehetra.

## Mark 1:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ny bokin'i Marka dia miatomboka amin'ny filazan'Isaia mpaminany mialoha ny fahatongavan'i Jaona Batista, ilay nanao batisa an'i Jesosy.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny mpanoratra dia i Marka, nantsoina ihany koa hoe: Jaona Marka, ilay zanaka lahin'ny iray amin'ireo vehivavy maromaro antsoina hoe: Maria voatonona tao amin'ireo Filazan-tsara efatra. Izy ihany koa dia zanaky ny mpiray tampo amin'i Barnabasy.

### Zanakalahin'Andriamanitra

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

### manoloana ny tavanao

Izany dia fomba fiteny izay midika hoe: "mialoha anao."

### ny tavanao ... ny lalanao

Eto ny teny hoe: "anao" dia maneho an'i Jesosy sy ny maha-iray Azy. Rehefa mandika izany ianao, dia ampiasao ny mpisolo tena "anao" satria izany dia oha-pitenenana avy amin'ny mpaminany iray, ary tsy mampiasa ny anaran'i Jesosy izy.

### ilay iray

Izany dia maneho an'ilay mpitondra hafatra

### hanomana ny lalanao

Ny fanaovana izany dia maneho ny fanomanana ny olona ho amin'ny fahatongavan'ny Tompo. "hanomana ny olona ho amin'ny fahatongavan'ny Tompo"

### Ilay feo iray niantso avy tao amin'ny tany efitra

Afaka atao toy ny fehezanteny izany. "Ilay feo iray niantso avy tao amin'ny tany efitra dia re" na "Nandre ilay feon'olona iray niantso avy tao amin'ny tany efitra izy ireo"

### Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo ... ahitsio ny lalany

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy hevitra.

### Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo

"Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo." Ny fanaovana izany dia maneho ny fahavononana hihaino ny hafatry ny Tompo rehefa tonga Izy . Manao izany amin'ny alalan'ny fibebahana amin'ny otan'izy ireo ny olona. "Mivonona hihaino ny hafatry ny Tompo rehefa tonga Izy" na "Mibebaha ary mivonona ho amin'ny fahatongavan'ny Tompo"

## Mark 1:4

### Foto-kevitra hifandraisana

Amin'ireo andininy ireo ny teny hoe: "izy," sy "azy" dia maneho an'i Jaona

### Tonga i Jaona

Ezaho mba hahalala ny mpamaky teninareo fa i Jaona ilay mpitondra hafatra resahan'Isaia mpaminany ao amin'ny andininy eo aloha.

### Ny tanànan'i Jodia rehetra sy ny olon'i Jerosalema rehetra

Io fibangoana teny io dia maneho olona marobe, fa tsy olona tokana. DH : "Olona maro avy ao Jodia sy Jerosalema"

### Nataony batisa tao amin'ny Onin'i Jordana izy ireo, rehefa niaiky ny helok'izy ireo

Mifanarakaraka ny nisehoan'ireo tranga roa ireo. Natao batisa ny olona satria nibebaka tamin'ny helok'izy ireo. DH: "Rehefa nibebaka tamin'ny fahotany izy ireo, dia nanao batisa azy ireo tao amin'ny Onin'i Jordana i Jaona "

## Mark 1:7

### Nanambara izy

"Jaona dia nanambara"

### Tsy mendrika aho na dia ny hiankohoka hamaha ny fehin-kapany aza

Jaona dia mampitaha ny tenany ho toy ny mpanompo mba hanehoana ny maha-lehibe an'i Jesosy. "Tsy mendrika aho na dia ny hanao ny asa maivana amin'ny fanesorana ny kapany aza "

### ny fehin-kapany

Tamin'ny fotoana nahaveloman'i Jesosy, dia nanao kapa izay vita tamin'ny hoditra ny olona sy namatotra tamin'ny fehy hoditra ny tongotr'izy ireo

### Miankohoka

"miankohoka"

### fa Izy dia hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina

Io sarin-teny io dia mampitaha ny batisan'i Jaona amin'ny rano sy ny batisa ho avy izay amin'ny Fanahy Masina. Izany dia midika fa ny batisan'i Jaona dia marika fotsiny manadio ny olona amin'ny fahotan'izy ireo ihany . Ny batisa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no tena manadio tanteraka ny olona amin'ny fahotan'izy ireo. Raha mety, dia ampiasao ny teny hoe: "manao batisa" eto tahaka izay

nampiasainao tamin'ny batisan'i Jaona mba hitazomana ny fampitahana ireo anankiroa ireo.

### Mark 1:9

#### Izao no nitranga tamin'ireo andro ireo

Manamarika ny fiatombohan'ny tranga vaovao amin'ny filaharan'ny tantara izany.

#### nataon'i Jaona batisa Izy

"Jaona no nanao batisa Azy"

#### ny Fanahy nidina avy any an-danitra teo amboniny tahaka ny voromailala

Ireo mety ho dikany 1) fampitahana izany, ary ny Fanahy nidina teo ambonin'i Jesosy tahaka ny vorona midina avy any an-danitra nankeo amin'ny tany na 2) ny Fanahy dia mitovy endrika arabakiteny amin'ny voromailala tahaka ny fidinany teo ambonin'i Jesosy.

#### Nisy feo avy any an-danitra

Maneho an'Andriamanitra miteny izany. Indraindray ny olona dia tsy maneho mivantana an'Andriamanitra satria manaja Azy. "Andriamanitra miteny avy any an-danitra"

#### zanaka tiana

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy. Ny Ray miantso an'i Jesosy hoe: "zanany tiany" nohon'ny fitiavany Azy tsy misy fetra.

### Mark 1:12

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Taorian'ny batisan'i Jesosy, dia tany amin'ny tany efitra nandritra ny 40 andro ary nandeha tany Galilea mba hampianatra sy hiantso ireo mpianany izy.

#### nanery azy handeha

"nandroaka an'i Jesosy tamin-kery"

#### Tany amin'ny tany efitra Izy

"Nipetraka tany amin'ny tany efitra Izy"

#### efapolo andro

"40 andro"

#### Izy dia niaraka tamin'ny

"Teo Izy"

### Mark 1:14

#### taorian'ny nisamborana an' i Jaona

"natao tao an-tranomaizina i Jaona avy eo." Azo atao hoe: "taorian'ny nisamboran'izy ireo an'i Jaona"

#### fanambarana

"fitoriana"

#### feno ny fotoana

"Izao ankehitriny izao no fotoana"

### Mark 1:16

#### nahita an'i Simona sy Andrea Izy

"Jesosy nahita an'i Simona sy Andrea"

#### nanarato tao an-dranomasina

ny dikan-teny fenon'io hevitra io dia afaka atao hoe: "fanipazana arato tao anaty rano mba hisamborana hazan-drano"

#### Avia, manaraha Ahy

"Manaraha Ahy" na "Miaraha Amiko"

#### Ataoko mpanarato olona ianareo

Io sarin-teny io dia midika fa i Simona sy Andrea dia hampianatra ny olona ny hafatra marin'Andriamanitra, mba hanaraka an'i Jesosy ihany koa ny hafa. "Hampianatra anareo hanarato olona ho ahy Aho tahaka anareo manangona hazan-drano"

### Mark 1:19

#### tao an-tsambokely

Izany dia afaka heverina fa io sambokely io dia an'i Jakoba sy Jaona. "tao an-tsambokelin'izy ireo"

#### namboatra ny arato

"namboatra ny harato simba"

#### niantso azy ireo

Mety hanampy be ny fitenenana mazava hoe nahoana i Jesosy no niantso an'i Jakoba sy Jaona. "antsoy hiaraka aminy izy ireo"

#### mpikarama

"mpanombo izay miasa ho an'izy ireo"

#### nanaraka azy izy ireo

Jakoba sy Jaona nandeha niaraka tamin'i Jesosy.

### Mark 1:21

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Tao amin'ny tanàn-dehiben'i Kapernaomy tamin'ny Sabata i Jesosy dia nampianatra tao amin'ny synagoga. Nanala devoly tao amin'ny lehilahy iray Izy, izay nahatalanjona ny olona tao amin'ny faritra rehetra manodidina an'i Galilea.

#### tonga tao Kapernaomy

"tonga tao Kapernaomy"

#### toy ny olona izay manana fahefana Izy fa tsy tahaka ireo mpanora-dalàna.

Misy teny tavela amin'io hevitra io izay afaka miampy hoe: "toy ny olona izay manana fahefana nampianatra Izy fa tsy tahaka ireo mpanora-dalàna nampianatra."

**Mark 1:23**

**Inona no tokony hataonay aminao, ry Jesusin'i Nazareta?**  
Ireo demonia dia nametraka io fanontaniana manan-danja io izay midika fa tsy misy antony tokony hanelanelanan'i Jesosy azy ireo ary izy ireo dia maniry ny handaozany azy ireo. "Jesodin'i Nazareta, avelao izahay! Tsy misy antony tokony hanelanelananao anay."

**Tonga hamotika anay va Ianao?**

Ilay demonia dia nametraka izany fanontaniana manan-danja izany mba hanosika an'i Jesosy hamely azy ireo. "Aza potehina izahay!"

**nandavo azy**

Eto ny teny hoe: "izy" dia maneho an'ilay lehilahy misy demonia.

**niantso tamin'ny feo mahery**

Ilay demonia no ilay iray izay niantso tamin'ny feo mahery fa tsy ilay lehilahy.

**Mark 1:27****nifanontany izy ireo hoe: "Inona ity? Fampianarana vaovao misy fahefana ve?"**

Ny valin-tenin'ny olona dia afaka soratana miaraka amin'ny hevitra fa tsy fanontaniana manan-danja. "nifampiresaka izy ireo, "Mahagaga izany! Manolotra fampianarana vaovao izy, ary miteny amin'ny fahefana izy!"

**Baikoiny na dia**

Ny hoe: "-ny" dia maneho an'i Jesosy

**Mark 1:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Taorian'ny nanasitrana an'ilay lehilahy misy demonia, Jesosy dia nanasitrana ny rafozam-bavin'i Simona tahaka ireo olona maro hafa.

**Ary ny rafozam-bavin'i Simona dia nandry naranin'ny tazo**

ilay rafozana dia nandry naranin'ny tazo- Ny teny hoe: "Ary" dia mampiditra ny rafozam-bavin'i Simona ao amin'ny tantara ary manome fampahafantarana mikasika azy.

**afaka ny tazony**

Afaka aseho mazava ilay nanasitrana azy. "Jesosy nanasitrana azy tamin'ny tazony"

**nanomboka nanompo azy ireo izy.**

Milaza izany hoe naroso ny sakafo. "nanome sakafo sy zava-pisotro azy ireo izy"

**Mark 1:32****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe: "Izy" dia maneho an'i Jesosy.

**izay narary rehetra na misy demonia**

Eto ny teny hoe: "rehetra" dia filaza masaka ary ampiasaina mba hanasongadinana fa olona maro be no tonga. "olona maro izay narary na misy demonia"

**Tafavory niaraka teo am-baravarana ny tao an-tanàna rehetra**

Eto ny teny hoe: "rehetra" dia sarin-teny ampiasaina mba hanasongadinana olona marobe mitady an'i Jesosy. "Olona maro avy amin'io tanàna io no niangona tao ivelan'ny varavarana"

**Mark 1:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia naka fotoana mba hivavaka teo antenantenan'ny fotoanan'ny fanasitrana olona. Nankany amin'ny tanàn-dehibe nanerana an'i Galilia Izy mba hitory, hanasitrana, ary handroaka ireo demonia.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "Izy" dia maneho an'i Jesosy.

**toerana mangina**

"toerana izay hahafahany mitokana."

**Simona sy ireo izay niaraka tamin'ny**

Eto ny "izy" dia maneho an'i Simona. Ary koa, tafiditra tamin'ireo izay niaraka tamin'ny i: Andrea, Jakoba, Jaona, ary mety nisy olona hafa ihany koa.

**Mitady Anao ny olona rehetra**

Ny teny hoe: "Rehetra" dia filaza masaka ampiasaina mba hanasongadinana fa olona maro no mitady an'i Jesosy. "Olona maro no mitady anao"

**Mark 1:38****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "Izy" sy "Izaho" dia maneho an'i Jesosy.

**Andeha isika ho any amin'ny toeran-kafa**

"Mila mandeha mankany amin'ny toeran-kafa isika." Eto Jesosy dia mampiasa ny teny hoe "isika" mba hanehoana ny tenany, miaraka amin'i Simona, Andrea, Jakoba, ary i Jaona.

**Nitety an'i Galilia manontolo Izy**

Eto ny teny hoe: "zavatra rehetra" dia filaza masaka. DH: "Hazavainy avokoa ny fanoharana rehetra."

**Mark 4:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha niantsambo Jesosy sy ireo mpianany mba hitsoaka ny vahoaka, dia nisy tafiotra lehibe. Ireo mpianany dia natahotra rehefa nahita fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza dia mankato an'i Jesosy.

**hoy Izy tamin'izy ireo**

"Hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

**ery am-pita**

"am-pitan'ny ranomasin'i Galilia" na "am-pitan'ny ranomasina"

**efa saika feno ny sambokely**

Mazava kokoa raha hoe: "efa feno rano ny sambokely"

**Mark 4:38****Nofohazin'izy ireo Izy**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo mpianatra

**tsy mampaninona Anao ve raha ho faty eto izahay?**

Nametraka izany fanontaniana izany ireo mpianatra mba hampitana ny tahotr'izy ireo. Afaka atao ihany koa hoe: "mila mifantoka amin'ny zava-mitranga ianao; ho faty avokoa isika rehetra!"

**ho faty eto isika?**

Ny teny hoe: "isika" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**Mitsahara, mitonia**

Ireo teny roa ireo dia mitovy ary ampiasaina mba ho fanamafisana ny teny.

**fitoniana be**

"fitonian'ny ranomasina"

**Mark 4:40**

**Ary hoy Izy tamin'izy ireo**

"Ary Jesosy niteny tamin'izy ireo"

**Nahoana ianareo no matahotra? Mbola tsy manam-pinoana foana va ianareo?**

Jesosy nametraka ireo fanontaniana ireo mba hiheveran'izy ireo hoe nahoana no matahotra izy ireo rehefa miaraka aminy. DH: "Tsy tokony hahatahotra ianareo. Tokony hanana finoana mafy ianareo."

**Iza moa ity, fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?**

Ireo mpianatra dia nametraka io fanontaniana io noho izy ireo gaga tamin'izay nataon'i Jesosy. Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy tahaka ny olon-tsotra io lehilahy io; na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza mankato Azy."

## Chapter 5

<sup>1</sup> Tonga teny ampitan'ny ranomasina izy ireo, tao amin'ny faritr'i Gerasena. <sup>2</sup> Rehefa niala avy tao amin'ny sambokely Jesosy, avy hatrany dia nisy lehilahy iray azon'ny fanahy maloto nanatona Azy avy teny amin'ny fasana. <sup>3</sup> Nipetraka teny amin'ny fasana ity lehilahy ity. Tsy nisy afaka nihazona azy intsony, na dia tamin'ny rojo vy aza. <sup>4</sup> Voafatotra imbetsaka tamin'ny gadra vy sy rojo vy izy. Notapahany ireo rojo ary potika ireo gadra vy. Tsy nisy nanana hery nifehy azy. <sup>5</sup> Isak'alina sy isan'andro teny amin'ireo fasana sy teny an-tendrombohitra, dia nihiakiaka izy ary nandratra ny tenany tamin'ny vato maranitra. <sup>6</sup> Rehefa nahita an'i Jesosy avy lavitra izy, dia nihazakazaka nankeo aminy ary niankohoka teo anoloany. <sup>7</sup> Ary nihiaka tamin'ny feo mahery izy hoe: "Inona moa no ifandraisako aminao, ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra? Miangavy anao amin'ny anaran'Andriamanitra irery ihany aho, aza mampijaly ahy." <sup>8</sup> Fa Izy niteny taminy hoe: "Mivoaha amin'io lehilahy io, ry fanahy maloto." <sup>9</sup> Ary Izy nanontany azy hoe: "Iza no anaranao?" Ka novaliany hoe: "Legiona no anarako, satria marobe izahay." <sup>10</sup> Ary niangavy mafy Taminy hatrany hatrany izy tsy handroaka azy ireo any ivelan'ny faritra. <sup>11</sup> Ary nisy andian-kisoa niraoka teny an-tendrombohitra, <sup>12</sup> ary niangavy taminy izy ireo, nanao hoe: "Alefao ao amin'ireo kisoa izahay; avelao izahay heditra ao amin'ireo." <sup>13</sup> Ka dia navelany izy ireo; ary nivoaka ireo fanahy maloto ka dia niditra tao amin'ireo kisoa, ary avy dia nirifatra teny amin'ny hantsana ho any an-dranomasina ireo, ary kisoa teo amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasina. <sup>14</sup> Nitsoaka nandositra ireo nampisakafo ny kisoa ary nitatitra ny zava-niseho tao an-tanàna sy tany ambanivohitra, ary olona maro no nivoaka hizaha ny zava-niseho. <sup>15</sup> Avy eo izy ireo nankeo amin'i Jesosy ary hitan'izy ireo ilay lehilahy nitoeran'ny demonia, ilay iray izay nitoeran'ny legionia, nipetraka teo, nitafy ary vory saina; ka dia natahotra izy ireo. <sup>16</sup> Ireo izay nahita ny zava-niseho tamin'ilay lehilahy nitoeran'ny demonia dia nitantara tamin'izy ireo ny momba izany tamin'ny antsipirihiny, ary koa nitantara momba ireo kisoa tamin'izy ireo. <sup>17</sup> Dia nanomboka niangavy Azy izy ireo mba hialany eo amin'ny faritr'izy ireo. <sup>18</sup> Rehefa hiakatra tao amin'ny sambokely Izy, dia niangavy taminy ilay lehilahy nitoeran'ny demonia mba hiaraka aminy. <sup>19</sup> Saingy tsy namela azy anefa Jesosy, fa nanao taminy hoe: "Mandehana mody any amin'ny tranonao sy ny fianakavianao ary tantarao amin'izy ireo izay nataon'ny Tompo taminao, sy ny namindrany fo taminao!" <sup>20</sup> Dia lasa nody izy ary nanomboka nanambara ny zava-dehibe izay nataon'i Jesosy taminy tany Dekapolis, ary talanjona ny rehetra. <sup>21</sup> Ary rehefa nandeha teny am-pita indray Jesosy, tamin'ny sambokely, dia indreo nisy vahoaka be dia be niangona nanodidina Azy, raha teo amoron'ny ranomasina iny Izy. <sup>22</sup> Avy eo tonga ny iray amin'ireo mpitarika ny synagoga, atao hoe Jairo, ka raha vao nahita Azy, dia niantoraka teo an-tongony. <sup>23</sup> Nitalaho hatrany hatrany izy, nanao hoe: "Marary mafy efa ho faty ny zanako vavy. Mitalaho aminao aho, avia ary apetraho aminy ny tananao mba ho sitrana sy ho velona izy." <sup>24</sup> Dia lasa niaraka taminy Izy, ary vahoaka be dia be no nanaraka sy nanery nanodidina Azy. <sup>25</sup> Ary nisy vehivavy iray teo voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roambinifolo taona. <sup>26</sup> Nijaly be tokoa izy ary nitety mpitsabo maro sy nandany ny fananany rehetra, nefa tsy nahita fahasitranana fa vao mainka aza niharatsy. <sup>27</sup> Rehefa nahare ireo tatitra momban'i Jesosy izy, dia nankao aoriany tao anaty vahoaka izy ary nikasika ny fitafiany. <sup>28</sup> Satria hoy izy hoe: "Raha mahakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana." <sup>29</sup> Rehefa nikasika Azy izy, dia nijanona ny fahaverezan-drà, ary tsapany hatrany anatin'ny sitrana tamin'ny aretany izy. <sup>30</sup> Fantatr'i Jesosy niaraka tamin'izay fa nisy hery niala avy taminy. Nitodika tany amin'ny vahoaka Izy ary niteny hoe: "Iza no nikasika ny fitafiako?" <sup>31</sup> Dia namaly Azy ireo mpianany hoe: "Hitanao ireo vahoaka marobe mifanesika aminao ireo, koa hoy Ianao hoe: "Iza no nikasika Ahy." <sup>32</sup> Fa nijery ny manodidina Azy Jesosy mba hahitany izay nanao izany. <sup>33</sup> Ilay vehivavy, nahafantatra izay nitranga taminy, dia natahotra sy nangovitra. Nandeha izy ary niantoraka teo anoloan'i Jesosy ka nilaza taminy ny marina rehetra. <sup>34</sup> Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao. Mandehana amin'ny fiadanana ary sitràna amin'ny aretinao." <sup>35</sup> Raha mbola niteny Izy, dia tonga ny olona sasany avy tany amin'ny mpitarika ny synagoga, nanao hoe: "Efa maty ny zanakao. Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany?" <sup>36</sup> Fa rehefa nandre izay nolazain'izy ireo Jesosy, dia hoy Izy tamin'ilay mpitarika ny synagoga hoe: "Aza matahotra. Minoa fotsiny ihany." <sup>37</sup> Ary tsy nisy navelany hiaraka aminy, afa-tsy Petera, Jakoba, ary Jaona, rahalahin'i Jakoba. <sup>38</sup> Tonga tany an-tranon'ilay mpitarika ny synagoga izy ireo ary nahita olona nitabataba be teo Izy; nitomany sy nidradradra mafy izy ireo. <sup>39</sup> Rehefa niditra ny trano Izy, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty ny zaza fa matory." <sup>40</sup> Niomehy Azy izy ireo. Nefa navoakany tany ivelany izy rehetra ary naka ny ray sy renin'ilay zaza sy ireo izay niaraka taminy, ary niditra tao amin'ny efitra nisy ilay zaza Izy. <sup>41</sup> Noraisiny ny tanan'ilay zaza ary niteny taminy hoe: "Talita, Komy!" izay raha adika dia hoe: "Razazavavy, miteny aminao Aho, mitsangana." <sup>42</sup> Avy hatrany dia nitsangana razazavavy ary nandeha (satria roa ambin'ny folo taona izy). Talanjona avy

hatrany izy ireo. <sup>43</sup> Noraràny mafy izy ireo mba tsy hisy na iza na iza hahafantatra ny momba izao. Avy eo dia nasainy nomena hanina razazavavy.

### Mark 5:1

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa avy nampitony ny tafiotra be i Jesosy, dia nanasitrana lehilahy izay nisy demonia, fa ny mponina tao Gerasa dia tsy faly tamin'ny fanasitranany, ka nangataka an'i Jesosy handeha izy ireo.

#### **Tonga izy ireo**

Ny teny hoe: "Ireo" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo mpianany.

#### **ny ranomasina**

Maneho ny ranomasin'i Galilia

#### **Gerasena**

Io anarana io dia maneho ireo olona izay monina ao Gerasa.

#### **misy fanahy maloto**

Fomba fiteny izay midika fa ilay lehilahy dia "voabaikon'ny" na "voafatotry ny" fanahy maloto

### Mark 5:3

#### **Voafatotra imbetsaka izy**

Afaka atao hoe: "Nofatoran'ny olona imbetsaka izy"

#### **potika ireo gadrany vy**

Afaka atao hoe: "namotika ny gadrany vy"

#### **gada vy**

"mamatotra ny tongony" na "vy mifatotra eo amin'ny lohaliny mba hanagadrana azy"

#### **rojo vy**

"rojo vy" izay mamatotra ny tanany mba hanagadrana azy

#### **Tsy nisy nanana hery nifehy azy**

Ilay lehilahy dia nahery ka tsy afaka nifehy azy.

#### **nifehy azy**

"nahafehy azy"

### Mark 5:5

#### **nandratra ny tenany tamin'ny vato maranitra**

Matetika rehefa misy demonia ny olona iray, dia mitarika ilay olona hanao zavatra manimba azy tenany ny demonia, toy ny fandratrana tena.

#### **Rehefa nahita an'i Jesosy avy lavitra izy**

Rehefa nahita an'i Jesosy voalohany ilay lehilahy, dia hidina avy eny an-tsambo Jesosy.

#### **niankohoka**

Izany dia midika fa nandohalika teo anoloan'i Jesosy mba ho fanajana, fa tsy fiderana.

### Mark 5:7

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ireo andininy roa hanoratana ny tranga mba hilamina araka izay niseho.

#### **nihiaika**

"Nihiaika ilay fanahy maloto"

#### **Inona moa no hifandraisako aminao, ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra?**

Ilay fanahy maloto dia mametraka izany fanontaniana izany tsy amin-tahotra. Afaka atao ihany koa hoe: "Avelao aho, Jesosy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra! Tsy misy antony tokony hifandraisanao amiko."

#### **ry Jesosy ... aza mampijaly ahy**

Jesosy dia manana fahefana hampijaly ny fanahy maloto.

#### **Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

#### **Miangavy anao amin'ny anaran'Andriamanitra irery ihany aho**

Eto ilay fanahy maloto dia mianiana amin'ny alalan'Andriamanitra tahaka ny hoe mangataka amin'i Jesosy izy. DH: "Izaho mitalaho aminao eo anatrehan'Andriamanitra" na "Izaho mianiana amin'Andriamanitra tenany ary mitalaho aminao"

### Mark 5:9

#### **Ary Izy nanontany azy hoe**

"Ary Jesosy nanontany an'ilay fanahy maloto"

#### **Ka novaliany hoe: "Legiona no anarako, satria marobe izahay."**

Fanahy iray no misolo tena fanahy maro eto. Miteny ho an'izy ireo izy tahaka ny hoe legionna iray izy ireo, ny andiana miaramila Romana dia eo ho eo amin'ny 6000 eo. DH: "Ary ilay fanahy niteny taminy hoe: 'Antsoy ho andiana miaramila izahay, satria maro aminay no ao anatin'ny olona'"

### Mark 5:11

#### **niangavy taminy izy ireo**

"ireo fanahy maloto niangavy an'i Jesosy"

**navelany izy ireo**

Manampy bebe kokoa ny manazava izay navelan'i Jesosy hataon'izy ireo. DH: "Jesosy namela ireo fanahy maloto hanao izay nangatahan'izy ireo"

**dia nirifatra**

"dia nirifatra ireo kisoa"

**ho any an-dranomasina , ary kisoa teo amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasina**

Afaka atao fehezanteny misaraka io fehezanteny io: "tao an-dranomasina. Nisy teo amin'ny roa arivo kisoa teo, ary maty tao an-dranomasina izy ireo"

**teo amin'ny roa arivo kisoa teo**

"teo amin'ny 2000 kisoa teo"

**Mark 5:14****tao an-tanàna sy tany ambanivohitra**

Afaka soratana mazava fa ilay lehilahy no nanome ny olona tao amin'ny tanàna sy tany ambanivohitra ny tatitr'izy ireo. DH: "ho an'ny olona tao an-tanàna sy ny tany ambanivohitra"

**ny legiona**

Anaran'ireo demonia izay tao amin'ilay lehilahy. Jereo ny dikan-teninao tao amin'ny 5:9

**vory saina**

Fomba fiteny izay midika fa mazava tsara ny fieritreretany.

**natahotra izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ny vondron'olona izay nivoaka mba hijery izay nitranga.

**Mark 5:16****Ireo izay nahita ny zava-niseho**

"Ny olona izay nijoro vavolombelona tamin'ny zava-nitranga"

**Mark 5:18****lehilahy nitoeran'ny demonia**

nitoeran'ny demonia- Na dia tsy nitoeran'ny demonia intsony aza ilay lehilahy, dia mbola nofaritana tahaka izany ihany. DH: "ilay lehilahy izay nitoeran'ny demonia"

**Saingy tsy namela azy Izy**

Ny zavatra tsy navelan'i Jesosy hataon'ilay lehilahy dia afaka soratana mazava tsara hoe: "Fa tsy navelan'i Jesosy hiaraka amin'izy ireo izy"

**Dekapolisy**

Anarana faritra izay midika tanàn-dehibe Folo. Ao an-tsimon-dranomasin'i Galilia.

**talanjona ny rehetra**

Manampy be ny filazana hoe naninona ny vahoaka no talanjona. DH: "ny olon-drehetra nandre izay nolazain'ilay lehilahy dia gaga avokoa"

**Mark 5:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanasitranan'i Jesosy an'ilay lehilahy nisy demonia tao amin'ny faritr'i Gerasa, Jesosy sy ireo mpianany niverina namakivaky ny farihin'i Kapernaomy toerana izay nangatahan'ny iray tamin'ireo mpanapaka ny synagoga hanasitrana ny zanaka vaviny.

**teny am-pita**

DH: "am-pitan'ny ranomasina"

**amoron'ny ranomasina**

"teny amoron-dranomasina" na "teny amin'ny sisin-dranomasina"

**ranomasina**

Io dia ny ranomasin'i Galilia

**Jairo**

Anaran'ilay lehilahy.

**Dia lasa niaraka taminy Izy**

"Dia lasa niaraka tamin'i Jairo Jesosy." Ireo mpianatr'i Jesosy ihany koa dia niaraka taminy. DH: "Ka lasa niaraka tamin'i Jairo Jesosy sy ireo mpianany"

**apetraho ny tananao**

Ny "Mametra-tanana" dia maneho mpaminany na mpampianatra mametraka ny tanany amin'ny olona iray ka na manome fanasitrana na fanasoavana. Amin'io tranga io, Jario dia mangataka an'i Jesosy mba hanasitrana ny zanaka vaviny.

**mba ho sitrana sy ho velona izy**

Afaka atao ihany koa hoe: "hanasitrana azy sy hahavelona azy"

**nanery nanodidina Azy**

Izany dia midika fa nitangorona nanodidina an'i Jesosy ny vahoaka ary nifanosika mba ho akaiky an'i Jesosy.

**Mark 5:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola teo am-panasitrana an'ilay zanaka vavikely 12 taona an'ilay lehilahy Jesosy, dia nisy vehivavy efa narary nandritra ny 12 taona nanapaka izany tamin'ny fikitihana an'i Jesosy mba hanasitrana azy.

**Ary nisy vehivavy iray**

Ny "Ary" dia manolotra fa io vehivavy io dia manomboka atsofoka ao anaty tantara. Hevero hoe

ahoana ny fomba fampidirana tantara amin'ny fomba fiteninao.

**voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roa ambin'ny folo taona**

Io vehivavy io dia tsy manana fery misokatra; kanefa, ny fahaverezan-dràny isam-bolana dia tsy mety hijanona. Ny fitenim-paritrao dia mety manana fomba hafa hilazana io tranga io.

**roa ambin'ny folo taona**  
"nandritra ny 12 taona"

**fa vao mainka aza niharatsy**  
"vao mainka aza niharatsy ny aretiny" na "vao mainka nitombo ny fahaverezan-dràny"

**tatitra momba an'i Jesosy**  
Naheno tatitra momba an'i Jesosy ny amin'ny fanasitranany olona izy. DH: "fa Jesosy dia nanasitrana olona"

**ny fitafiany**  
akanjo ivelany

### Mark 5:28

**dia ho sitrana**  
Afaka atao ihany koa hoe: "hanasitrana ahy izany" na "ny heriny hanasitrana ahy"

**sitrana tamin'ny aretiny izy**  
Afaka atao hoe: "afaka taminy ny aretina" na "tsy marary intsony izy"

### Mark 5:30

**fa nisy hery niala avy taminy**  
Rehefa nikitika an'i Jesosy ilay vehivavy, dia nahatsapa hery hanasitranana azy Jesosy. Tsy nisy hery manasitrana ny olona very tany amin'i Jesosy rehefa nanasitrana azy Izy. DH: "fa ny hery fanasitranany no nanasitranany an'ilay vehivavy"

**ireo vahoaka marobe mifanesika aminao ireo**  
Izany dia midika fa nitangorona nanodidina an'i Jesosy ny vahoaka ary nifanosika mba ho akaiky an'i Jesosy. Jereo ny dikan-teninao tao amin'ny 5:21

### Mark 5:33

**ary niantoraka teo anoloany**  
"nandohalika teo anoloany." Nandohalika teo anoloany izy mba ho fanomezam-boninahitra sy fanekena.

**nilaza taminy ny marina rehetra**  
Ny teny hoe: "ny marina rehetra" dia maneho ny fomba nikasihany Azy sy nahatonga azy ho sitrana. DH: "nilaza taminy ny marina rehetra momba ny fikasihany azy"

### Anaka

Jesosy dia mampiasa io teny io mba hanehoana an'ilay vehivavy ho tahaka ny mpino.

**ny finoanao**  
"ny finoanao Ahy"

### Mark 5:35

**Raha mbola niteny Izy**  
"Raha mbola niteny Jesosy"

**dia tonga ny olona sasany avy tany amin'ny mpitarika ny synagoga**

Ny mety ho dikany hafa dia: 1) ireo olona ireo dia avy any an-tranon'i Jairo na 2) Jairo nibaiko an'ireo olona ireo hijery an'i Jesosy na 3) ireo olona ireo dia nalefan'ilay lehilahy izay nitarika ny synagoga tamin'ny tsy naha-teo an'i Jairo.

**ny mpitarika ny synagoga**  
Ny "ny mpitarika ny synagoga" dia i Jairo.

**nanao hoe:**  
"niteny tamin'i Jairo"

**Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany?**  
Io fanontaniana io dia afaka soratana hoe: "tsy misy dikany intsony ny manelingelina ny mpampianatra." na "tsy mila elingelenina intsony ny mpampianatra."

**ny mpampianatra**  
Maneho an'i Jesosy.

### Mark 5:36

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ireo andininy 37 sy 38.

**Minoa fotsiny ihany**  
Raha ilaina, dia afaka soratana izay nibaikon'i Jesosy an'i Jairo mba hinoana. DH: "Minoa fotsiny ihany fa afaka manasitrana ny zanakao vavy Aho"

**Ary tsy nisy navelany ... ary nahita olona izy**  
Amin'ity andininy ity, ny hoe: "-ny" dia maneho an'i Jesosy.

**hiaraka aminy**  
"mba hiaraka aminy." Manampy bebe kokoa raha lazaina izay ho alehan'izy ireo. DH: "hiaraka Aminy ho any an-tranon'i Jairo."

### Mark 5:39

**hozy Izy tamin'izy ireo**  
"Jesosy niteny tamin'ireo olona izay nitomany"

**Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany?**  
Jesosy nametraka izany fanontaniana izany mba hanampy azy ireo hahita ny tsy fananan'izy ireo

finoana. DH: "Tsy fotoanan'ny alahelo sy fitabatabana izao."

**avoahy any ivelany izy rehetra**  
"avoahy any ivelan'ny trano ny olon-drehetra"

**ireo izay niaraka taminy**  
Izany dia maneho an'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**niditra tao amin'ny efitra nisy ilay zaza**  
Afaka atao hoe: "niditra tao amin'ny efitrano nandrian'ilay zaza"

#### **Mark 5:41**

**Talita, Komy**  
Io dia fehezanteny Aramaika, izay tenenin'i Jesosy an'ilay zazavavy kely amin'ny fitenin-drazany.

Soraty amin'ny abidian'ny faritra misy anao ireo teny ireo.

**roa ambin'ny folo taona izy**  
"12 taona izy"

**Noraràny mafy izy ireo mba tsy hisy hahafantatra ny momba izao**  
Afaka atao teny baiko izany: "Tsy misy tokony hahafantatra momba izany!" na "Aza miteny na amin'iza na amin'iza momba izay nataoko!"

**Noraràny mafy izy ireo**  
"Nandrara mafy azy ireo Izy"

**Avy eo dia nasainy nomena hanina razazavavy**  
Afaka atao teny baiko izany: "Ary hoy Izy tamin'izy ireo: 'Omeo zavatra hohanina izy.'"

## Chapter 6

<sup>1</sup> Nandao io toerana io Izy ka namonjy ny tanindrazany, ary nanaraka Azy ireo mpianany. <sup>2</sup> Ary rehefa tonga ny andro sabata, dia nampianatra tao amin'ny synagoga Izy. Maro ny olona nandre Azy ka gaga izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Avy aiza no nahazoany ireo fampianarana ireo?" "Inona izao fahendrena izay nomena Azy izao?" "Inona ireo fahagagana izay nataony tamin'ny tanany ireo?" <sup>3</sup> "Tsy ilay mpandrafitra ve io, ilay zanak'i Maria ary rahalahin'i Jakoba sy Josesy sy Jodasy ary Simona? Tsy miaraka amintsika eto ve ireo anabaviny?" Tohina tamin'i Jesosy izy ireo. <sup>4</sup> Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpaminany tsy omen-kaja, afa-tsy ao amin'ny tanindrazany sy ao amin'ny havany akaiky ary ao amin'ny ankohonany manokana ihany." <sup>5</sup> Tsy afaka nanao asa mahagaga Izy, afa-tsy ny fametrahany tanana amin'ny marary vitsivitsy ary manasitrana azy ireo. <sup>6</sup> Gaga nohon'ny tsy finoan'izy ireo Izy. Avy eo nandeha nanodidina ireo tanàna Izy hampianatra. <sup>7</sup> Avy eo dia niantso ireo roa ambinifolo lahy Izy ary nanomboka naniraka azy ireo tsiroaroa, ary nomeny fahefana teo amin'ny fanahy maloto izy ireo, <sup>8</sup> ary nandidy azy ireo tsy hitondra na inona na inona amin'ny diany, na mofo, na kitapo, na vola amin'ny fehin-kibon'izy ireo\_ afa-tsy tehina ihany\_ <sup>9</sup> fa hanao kapa, ary tsy hanao akanjo roa. <sup>10</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na oviana na oviana ianareo miditra amina trano iray, dia mitoera ao mandra-pialanareo any. <sup>11</sup> Ary raha misy tanàna tsy mandray anareo na mihaino anareo, rehefa miala ao amin'izany toerana izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo." <sup>12</sup> Dia niainga izy ireo ary nitory fa ny olona dia tokony hibe-baka amin'ny fahotany. <sup>13</sup> Nandroaka demonia maro izy ireo, ary nanosotra marary maro tamin'ny diloilo ka nanasitrana azy ireny. <sup>14</sup> Ren'i Heroda mpanjaka izany, satria lasa fanta-daza ny anaran'i Jesosy. Ny sasany nilaza hoe: "Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa ary noho izany, dia miasa ao anatiny ireo hery mahagaga ireo." <sup>15</sup> Fa ireo sasany kosa nilaza hoe: "Elia Izy." Ny sasany mbola niteny hoe: "Mpaminany Izy, tahaka ny iray amin'ireo mpaminany tamin'ny andro taloha." <sup>16</sup> Fa rehefa nandre izany Heroda dia hoy izy hoe: "Jaona, ilay notapahiko loha, no nitsangana tamin'ny maty." <sup>17</sup> Fa Heroda no nampisambotra an'i Jaona ka nandefa azy tany an-tranomaizina nohon'ny raharaha Herodiasy (vadin'i Filipino rahalahiny), satria novadiany ravehivavy. <sup>18</sup> Fa Jaona niteny an'i Heroda hoe: "Tsy araka ny lalàna ny hanambadianao ny vadin'ny rahalahinao." <sup>19</sup> Fa tezitra taminy Herodiasy ka nitady izay hamonoana azy, saingy tsy afaka, <sup>20</sup> nohon'ny fatahoran'i Heroda an'i Jaona; fantany fa olo-marina sy feno fahamasinana izy, ary niaro azy izy. Nanahiran-tsaina azy ny fihenoana azy, kanefa mbola nihaino azy tamim-pifaliana izy. <sup>21</sup> Avy eo nisy irika tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'i Heroda ka nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny, sy ireo mpifehiny, ary ireo mpitariky ny Galilia izy. <sup>22</sup> Dia niditra ny efitrano fanasana ny zanaka vavin'i Herodiasy ary nandihy ho azy ireo, ary nahafinaritra an'i Heroda sy ireo vahiny nasaina tamin'ny fisakafoana izy. Hoy ny mpanjaka tamin-drazazavavy hoe: "Angataho amiko izay rehetra tianao dia omeko anao izany." <sup>23</sup> Ary nianiana taminy izy nanao hoe: "Na inona na inona angatahinao amiko, dia homeko anao, hatramin'ny antsasaky ny fanjakako." <sup>24</sup> Dia nivoaka izy ary niteny tamin'ny reniny hoe: "Inona no tokony angatahiko aminy?" Dia hoy ny reniny hoe: "Ny lohan'i Jaona mpanao Batisa." <sup>25</sup> Teo no ho eo dia niverina tany amin'ny mpanjaka izy, ka nangakataka, nanao hoe: "Tiako omenao ahy, izao dieny izao, eo ambony lovia ny lohan'i Jaona mpanao batisa." <sup>26</sup> Na dia nampalahelo mafy ny mpanjaka aza izany, dia tsy afaka nandà ny fangatahany izy nohon'ny fianianana nataony sy noho ireo vahiny nasaina tamin'ny fisakafoana. <sup>27</sup> Noho izany dia nandidy miaramila iray avy tamin'ny mpiambina ny mpanjaka ary nandidy azy hitondra ny lohan'i Jaona ho eo aminy. Lasa ilay mpiambina ary nanapaka ny lohany tao an-tranomaizina. <sup>28</sup> Nentiny teo ambony lovia ny lohany ary natolony an-drazazavavy, ary ilay zazavavy nanolotra izany an-dreniny. <sup>29</sup> Rehefa nahare izany ireo mpianany, dia tonga izy ireo ary naka ny nofony ka nametraka izany tao am-pasana. <sup>30</sup> Niverina tany amin'i Jesosy ireo apostoly ary nitantara taminy izay rehetra vitan'izy ireo sy nampianarin'izy ireo. <sup>31</sup> Ary hoy Izy tamin'izy ireo: "Ndeha isika ho any an'efitra ka hiala sasatra kely." Fa maro ny olona no nivezivezy, ary tsy nanam-potoana hinanana sakafa akory aza izy ireo. <sup>32</sup> Dia nandeha an-tsambokely izy ireo mba ho any amin'ny tany foana. <sup>33</sup> Fa izy ireo nahita azy ireo nandeha ary maro no nahafantatra azy ireo, dia niara-nihazakazaka an-tongotra avy tany amin'ny tanàna rehetra izy ireo, ary tonga teo talohan'izy ireo. <sup>34</sup> Rehefa tonga teny amin'ny morony izy ireo, dia nahatazana vahoaka maro Izy ary onena azy ireo Izy satria tahaka ny ondry tsy manana mpiandry izy ireo. Ka nanomboka nampianatra zavatra maro azy ireo Izy. <sup>35</sup> Ary rehefa hariva ny andro, dia nanatona Azy ireo mpianany ka nanao hoe: "Toerana foana ity ary ny andro efa madiva ho hariva sahady. <sup>36</sup> Alefao izy ireo mba handehanany any amin'ireo vohitra sy tanàna manodidina hividy hanina ho an'ny tenan'izy ireo." <sup>37</sup> Fa namaly Izy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Omenareo zavatra hoanina izy ireo." Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Afaka mandeha ary mividy mofo azon'ny denaria roanjato va izahay ka hanome izany azy ireo hoanina?"



<sup>38</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Firy no mofo anananareo? Mandehana ary jereo." Rehefa hitany, dia hoy izy ireo hoe: "Mofo dimy sy hazandrano roa." <sup>39</sup> Dia nandidy ny olona rehetra mba hipetraka mitsitokotoko teo amin'ny ahi-maitso Izy. <sup>40</sup> Dia nipetraka an-tokony izy ireo; an-tokony zato sy dimampolo. <sup>41</sup> Naka ireo mofo dimy sy hazandrano roa Izy, niandrindra ny lanitra dia nisaotra ka nizarazara ny mofo ary nanolotra izany tamin'ireo mpianatra mba homena eo anolohan'ny olona. Nozarainy ihany koa ny hazandrano roa ho an'izy rehetra. <sup>42</sup> Dia nihinana avokoa izy rehetra nandra-pahavoky azy ireo. <sup>43</sup> Nalain'izy ireo ny sombitsombina mofo, izay nahafeno roambinifolo sobika mitafotafo, ary koa ny ambin'ireo hazandrano. <sup>44</sup> Nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo. <sup>45</sup> Teo no ho eo dia nasainy niakatra tao an-tsambokely ireo mpianany mba hialoha Azy ho eny ampita, ho any Betsaida, raha nandefa ny vahoaka Izy. <sup>46</sup> Rehefa lasa izy ireo, dia niakatra tany an-tendrombohitra Izy mba hivavaka. <sup>47</sup> Tonga ny hariva, ary efa teo afovoan'ny ranomasina ny sambokely, fa irery teny an-tanety izy. <sup>48</sup> Ary hitany fa sahirana mafy izy ireo nivoy ny sambokely, satria nanohitra mafy azy ireo ny rivotra. Teo ho eo amin'ny ora fiambenana fahefatra ny alina dia nankeo amin'izy ireo Izy, nandeha teny ambony ranomasina, ary te-handalo teo amin'izy ireo Izy. <sup>49</sup> Fa rehefa nahita Azy nandeha teny ambony ranomasina izy ireo, dia noheverin'izy ireo ho matoatoa Izy ka nihiakiaka izy ireo, <sup>50</sup> satria nahita Azy izy ireo dia raiki-tahotra. Teo no eo dia niteny tamin'izy ireo Izy ka nilaza azy ireo hoe: "Matokia! Izaho ihany ity! Aza matahotra!" <sup>51</sup> Ary niditra tao an-tsambokely niaraka tamin'izy ireo Izy, dia nitsahatra tsy nitsoka ny rivotra. Dia talanjona tanteraka izy ireo. <sup>52</sup> Ary tsy takatry ny sain'izy ireo ny dikan'ilay mofo. Fa kosa, nihamafy ny fon'izy ireo. <sup>53</sup> Rehefa tafita izy ireo, dia tonga tao Genesareta ireo ka niantsona tao. <sup>54</sup> Ary rehefa nidina avy tao amin'ny sambokely izy ireo, avy hatrany dia fantatra ny olona tao Izy, <sup>55</sup> ka nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo ary nanomboka nitondra ny marary tamin'ny fandriany tany amin'izay rehetra ren'izy ireo misy Azy. <sup>56</sup> Fa na taiza na taiza nalehany na an-tanàna, na tanàndehibe, na teny amin'ny vohitra kely, dia nepetrak'izy ireo teo amin'ny kianja ny marary. Niangavy Azy izy ireo mba hamela azy ireo hikasika ny rambon'akanjony, ary ireo maro izay nikasika Azy dia sitrana.

## Mark 6:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy niverina tany amin'ny tanàna niaviany izay tsy nandraisana Azy.

### ny tanindrazany

Izany dia maneho ny tanànan'i Nazareta izay nahalehibe an'i Jesosy sy nitoeran'ny fianakaviany. Izany akory tsy midika fa manana tany ao Izy.

### Inona izao fahendrena izay nomena Azy izao?

Io fanontaniana io dia afaka atao ihany koa hoe: "Inona ity fahendrena izay azony ity?"

### izay nataony tamin'ny tanany

Io fehezanteny io dia manasongadina ireo fahagagana izay nataon'i Jesosy izy tenany mihitsy.

Tsy ilay mpandrafitra ve io, ilay zanak'i Maria ary rahalahin'i Jakoba sy Josesy sy Jodasy ary Simona? Tsy miaraka amintsika eto ve ireo anabaviny? Io fanontaniana io dia afaka atao hoe: "Izy dia mpandrafitra tsotra! Fantatsika ny fianakaviany. Fantatsika i Maria reniny. Fantatsika ireo zandriny lahy: Jakoba, Josesy, Jodasy, ary i Simona. Sy ireo zandriny vavy izay miara-mipetraka amintsika eto."

## Mark 6:4

### tamin'izy ireo

"tamin'ireo vahoaka"

### Tsy misy mpaminany tsy omen-kaja, afa-tsy

Io fehezanteny io dia afaka atao hoe: "Ny mpaminany iray dia tsy maintsy omen-kaja, afa-tsy" na "Ny toerana iray izay tsy hanomezan-kaja ny mpaminany iray dia"

### ny fametrahany tanana amin'ny marary vitsivitsy ary manasitrana azy ireo

"Fametrahan-tanana" dia maneho mpaminany na mpampianatra mametraka ny tanany amin'ny olona iray ka na manome fanasitrana na fanasoavana. Amin'ity tranga ity, dia i Jesosy no manasitrana olona.

## Mark 6:7

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Nozarain'i Jesosy vondrona roa ireo mpianany ary nalefany hitory sy hanasitrana.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba hampifandraisana ny andininy 8 sy 9 mba hampazava tsara ny famakiana ireo fampianarana ataon'i Jesosy.

### niantso ireo roa ambin'ny folo lahy Izy

Eto ny teny hoe: "niantso" dia midika fa voaantso hankenany aminy ireo roa ambin'ny folo lahy.

### na mofo

Eto ny teny hoe: "mofo" dia misolo toerana ny sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "tsy misy sakafo"

**na vola amin'ny fehin-kibon'izy ireo**

Amin'izany fomban-drazana izany, ny lehilahy dia mitondra ireo volany mihantona eo amin'ny fehin-kibony. DH: "tsy misy vola ao amin'ny kitapombolany"

**Mark 6:10****Hoy Izy tamin'izy ireo**

"Jesosy niteny tamin'ireo roa ambin'ny folo"

**dia mitoera ao mandra-pialanareo any**

Ny teny hoe: "mitoera ao" dia fomba fiteny izay midika hoe: "mihinana ary matoria" ao amin'io trano io. DH: "mihinana ary matoria ao amin'io trano io ihany mandra-pialanareo ao amin'ilay toerana"

**mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo**

"mba ho fijoroana vavolombelona manohitra azy ireo." Manampy be raha hazavaina ny fijoroan'izy ireo vavolombelona. "mba ho fijoroana vavolombelona ho azy ireo." Amin'ny fanaovana izany, dia mijoro vavolombelona ianareo fa tsy mandray anareo izy ireo.

**Mark 6:12****Dia niainga izy ireo**

Ny teny hoe: "Izy ireo" dia maneho an'ireo roa ambin'ny folo fa tsy tafiditra ao anatin'izany Jesosy. Na koa, manampy be ny fitenenana fa izy ireo dia nandeha tamin'ny tanàna maromaro. DH: "Nandeha tamin'ny tanàna maromaro izy ireo."

**hibebaka amin'ny fahotan'izy ireo**

"miala amin'ny fahotan'izy ireo"

**Nandroaka demonia maro izy ireo**

Manampy be ny fitenenana fa izy ireo dia nandroaka ireo demonia tao amin'ny olona.

**Mark 6:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nandre momba ireo fahagagan'i Jesosy i Heroda, dia niahiahy izy, nieritreritra fa nisy olona iray nanangana tamin'ny maty an'i Jaona mpanao Batisa. (Heroda dia nampamono an'i Jaona mpanao Batisa.)

**Ren'i Heroda mpanjaka izany**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny zavatra izay nataon'i Jesosy sy ireo mpianany tamin'ny karazan-tanàna maro, tao anatin'izany ny fandroahana demonia sy fanasitranana olona.

**Ny sasany nilaza hoe: "Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa"**

Ny olona sasany nilaza fa Jesosy dia i Jaona mpanao Batisa. Afaka atao mazava kokoa hoe: "Ny sasany dia nilaza fa: 'Izy no Joany ilay mpanao batisa'"

**Nitsangana tamin'ny maty Jaona mpanao batisa**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanangana an'i Jaona mpanao batisa"

**Fa ireo sasany kosa nilaza hoe: "Elia Izy."**

Manampy be ny filazana hoe nahoana ny olona no nieritreritra fa Elia Izy. DH: "Ny sasany dia niteny hoe: Elia Izy, ilay nampanantenain'Andriamanitra ho averina indray."

**Mark 6:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ao amin'ny andininy faha-17 ny mpanoratra dia manomboka manome fampahafantarana fototra momba an'i Heroda sy hoe nahoana izy no nampanapaka ny lohan'i Jaona mpanao batisa.

**ilay notapahiko loha**

Eto Heroda dia mampiasa ny teny hoe: "Izaho" mba hanehoana ny tenany. Ny teny hoe: "Izaho" dia teny tsy ara-bakitenin'ireo miaramilan'i Heroda. DH: "izay nibaikoiko ireo miaramilako mba ho tapahindoha"

**no nitsangana tamin'ny maty**

Afaka atao ihany koa hoe: "velona indray"

**Heroda no nampisambotra an'i Jaona ka nandefa azy tany an-tranomaizina**

Afaka atao hoe: "Heroda nandefa ireo miaramilany mba hisambotra an'i Jaona sy hamatotra azy any am-ponja"

**nampisambotra**

"nanome baiko hisambotra"

**nohon'ny raharaha Herodiasy**

"noho Herodiasy"

**vadin'i Filipo rahalahiny**

"ny vadin'i Filipo rahalahiny." Io Filipo rahalahin'i Heroda io dia tsy ilay Filipo mpitory ny filazantsara ao amin'ny bokin'i Asan'ny Apostoly na Filipo izay iray amin'ny mpianatra roa ambin'ny folon'i Jesosy.

**satria novadiany ravehivavy**

"satria novadian'i Heroda ravehivavy"

**Mark 6:18****nitady izay hamonoana azy, saingy tsy afaka**

Herodiasy no resaka eto ary ny hoe: "azy" dia teny ambadika maneho fa tiany hisy olon-kafa hamono an'i Jaona. DH: "tiany hisy olon-kafa hamono an'i Jaona, saingy tsy afaka mampamono azy izy"

**fa Heroda natahotra an'i Jaona; fantany fa**

Ireo fehezanteny anankiroa ireo dia afaka sarahana mba hampisehoana fa tena matahotra an'i Jaona i Heroda. DH: "fa Heroda natahotra an'i Jaona satria fantany fa"

**fantany fa olo-marina**

"Heroda dia nahafantatra fa Jaona dia marina"

**ny fihainoana azy**

"Mihaino an'i Jaona"

**Mark 6:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manohy ny fampahafantarana fototra momba an'i Heroda sy ny fanapahan-doha an'i Jaona mpanao batista.

**izy nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny ... avy any Galilia**

Eto ny teny hoe: "izy" dia maneho an'i Heroda ary teny tsy ara-bakitenin'ilay mpanompony izay nobaikoiny hikarakara ny sakafo. DH: "nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny izy ... avy any Galilia" na "nanasa ireo lehibeny ... avy any Galilia mba hihinana sy hanao fankalazana miaraka aminy"

**zanaka vavin'i Herodiasy**

Eto ny teny hoe: "zanaka vaviny" dia mampisongadina fa ny zanaka vaviny izy tenany no nandihy tao amin'ny fisakafoana.

**niditra**

"niditra tao an-trano"

**Mark 6:23****Na inona na inona angatahin'ny amiko ... ny fanjakako**

Mazava kokoa raha ampiana fampahafantarana izany: "Izaho hanome anao ny antsasaky ny fananako sy izay hanjakako, raha angatahanao izany"

**nivoaka**

"nivoaka ny trano"

**eo ambony lovia**

"eo ambony lovia fihinanana"

**Mark 6:26****nohon'ny fianianana nataony sy noho ireo vahininy nasaina tamin'ny fisakafoana**

Ny fifandraisan'ireo dia afaka atao hoe: "nohon'ny nandrenasan'ny vahininy nasainy tamin'ny fisakafoana ny fianianany fa hanome azy ny zavatra rehetra nangatahiny izy"

**eo ambony lovia**

"eo ambony lovia fihinanana"

**ireo mpianany**

"Ireo mpianatr'i Jaona"

**Mark 6:30****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny niverenan'ireo mpianatra tamin'ny fitoriana sy fanasitranana, dia nandeha irery tany

ho any izy ireo, kanefa nisy olona maro tonga mba hihaino an'i Jesosy hampianatra. Rehefa niha-maizina ny andro, dia nalefan'i Jesosy hiala teo avokoa ny olon-drehetra mba hivavahany mitokana.

**any an'efitra**

toerana izay tsy misy olona

**maro ny olona no nivezivezy**

Izany dia midika fa ny olona dia mbola nivezivezy nankeny amin'ireo apostoly sy niala teny.

**tsy nanam-potoana akory izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo apostoly.

**Ka nandeha izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia misolo tena an'i Jesosy sy ireo apostoliny.

**Mark 6:33****izy ireo nahita azy ireo nandeha**

"fa ny olona nahita an'i Jesosy sy ireo apostoliny nandeha"

**an-tongotra**

Nandeha tongotra ny olona, fa ireo mpianatra nandeha sambo.

**nahatazana vahoaka maro Izy**

"Nahatazana vahoaka maro Jesosy"

**tahaka ny ondry tsy manana mpiandry izy ireo**

Jesosy dia mampitaha ny olona amin'ny ondry, ondry izay tsy manana mpiandry hitarika azy ireo.

**Mark 6:35****Ary rehefa hariva ny andro**

Izany dia midika fa efa hanomboka ho maizina ny andro. DH: "Harivariva maizimaizina"

**Toerana foana**

Toerana izay tsy misy olona. Jereo ny dikan-teny nataonao ao amin'ny 6:30

**Mark 6:37****Fa namaly Izy ka nanao tamin'izy ireo hoe:**

"Fa namaly Jesosy ka nanao tamin'ireo mpianany hoe: "

**Afaka mandeha ary mividy mofa azon'ny denaria**

roanjato va izahay ka hanome izany azy ireo hoanina? Ireo mpianatra dia mametraka izany fanontaniana izany mba hitenenana fa izy ireo dia tsy afaka mividy sakafo ampy ho an'ireo vahoaka ireo. DH: "Tsy afaka mividy mofa ampy hamahanana an'ireo vahoaka izy ireo, na dia manana roanjato denaria aza!"

**roanjato denaria**

"200 denaria." Ny denaria iray dia vola madinika volafotsy Romanina izay mendrika ny karama iray andro.

**Mofo**

Ny "mofo" dia koba novolavolaina sy nandrahoina.

**Mark 6:39****ahi-maitso**

Farito ny loko izay fampiasan'ny faritrao hilazana ny hoe ahitra mbola tanora.

**tokony zato sy dimampolo**

Maneho ny isan'ny olona isaky ny vondrona. DH: "eo ho eo amin'ny olona dimampolo ao anaty vondrona ary olona zato ao amin'ireo vondrona hafa"

**niandrandra ny lanitra**

niandrandra ny lanitra izay fitoeran'Andriamanitra

**nitahy Izy**

"niteny fitahiana Izy" na "nisaotra Izy"

**Nozarainy ho an'izy rehetra ny hazandrano roa**

"nozarainy ny hazan-drano roa mba samy hanana kely avy ny olon-drehetra"

**Mark 6:42****Nalain'izy ireo**

1) "Nalain'ireo mpianatra" na 2) "Nalain'ny olona"

**sombitsombin'ny mofo, izay nahafeno roa ambin'ny folo sobika mitafotafo**

"sobika roa ambin'ny folo feno sombitsombin'ny mofo"

**sobika roa ambin'ny folo**

"sobika 12"

**dimy arivo lahy**

"5000 lahy"

**Nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo**

Ny isan'ireo vehivavy sy ny ankizy dia tsy nisaina. Afaka atao mazava tsara io fehezanteny io. DH: "Ary nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo. Ary tsy nisaina tao anatin'ny akory aza ny vehivavy sy ny ankizy"

**Mark 6:45****teny am-pita**

Izany dia misolo toerana ny ranomasin'i Galilia. Afaka soratana mazava tsara hoe: "teny am-pitan'ny ranomasin'i Galilia"

**Betsaida**

Tanàna iray ao avaratry ny sisin-dRanomasin'i Galilia

**Rehefa lasa izy ireo**

"Rehefa lasa ny olona"

**Mark 6:48****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola namakivaky ny farihy ireo mpianatra dia tonga ny tafiotra. Nihorohoro izy ireo nahita an'i Jesosy nandeha tambony rano. Tsy azon'izy ireo ny fomba nampitonian'i Jesosy ny tafiotra.

**ora fiambenana fahefatry**

Ora eo anelanelan'ny amin'ny 3 maraina sy ny fiposahan'ny masoandro.

**matoatoa**

fanahin'ny olona iray efa maty na karazana fanahy hafa

**Matokia! ... Aza matahotra!**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika, manasongadina amin'ny mpianany fa tsy tokony hatahotra izy ireo. Raha ilaina dia afaka atambatra ho anankiray ireo : "Aza matahotra Ahy!"

**Mark 6:51****Dia talanjona tanteraka izy ireo**

Raha tiana ho tena voafaritry tsara dia afaka atao hoe: "Dia talanjona tanteraka tamin'izay nataony izy ireo"

**ny dikan'ilay mofo**

Ny teny hoe: "ny mofo" dia maneho ny nizarazaran'i Jesosy ny mofo. Afaka atao hoe: "ny dikany rehefa nozarazarain'i Jesosy ny mofo"

**nihamafy ny fon'izy ireo**

Ny fananana fo dia maneho fa sarotra mahatakatra zavatra. DH: "sarotra mahatakatra zavatra izy ireo"

**Mark 6:53****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa tonga tamin'ny sambo tao Genesareta Jesosy sy ireo mpianany, dia nahita azy ny olona ary nitondra olona mba ho sitraniny. Mitranga amin'izay alehany rehetra izany.

**Genesareta**

Anaran'ny faritra iray ao avaratry ny Ranomasin'i Galilia io.

**avy hatrany dia fantatry ny olona tao Izy**

"ireo olona dia nahafantatra an'i Jesosy avy hatrany"

**ka nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo**

Manampy bebe kokoa raha tenenina ny antony nihazakazahan'izy ireo nanerana ny faritra. DH: "nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo mba hiteny amin'ny hafa fa tao Jesosy"

**ka nihazakazaka izy ireo ... ren'izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia misolo tena an'ireo olona izay nahafantatra an'i Jesosy, fa tsy ny mpianany ireo.

**ny marary**

Io teny io dia misolo tena ny olona. DH: "ireo olona marary"

**Mark 6:56**

**Fa na taiza na taiza nalehany**

"Fa na taiza na taiza nalehan'i Jesosy"

**dia napetrak'izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo olona. Fa tsy maneho ny mpianatr'i Jesosy.

**ny marary**

Io teny io dia misolo tena ny olona. DH: "ireo olona marary"

**Niangavy Azy izy ireo**

Ny mety ho dikany hafa: 1) "niangavy Azy ireo marary" na 2) "niangavy Azy ny olona."

**hamela azy ireo hikasika**

Ny teny hoe: "azy ireo" dia maneho an'ireo marary.

**ireo maro**

"ireo rehetra izay "

## Chapter 7

<sup>1</sup> Ireo fariseo sy ny mpanoradalana sasany izay avy any Jerosalema dia tonga niangona nanodidina Azy. <sup>2</sup> Ary hitan'izy ireo ny mpianany sasany nihinana mofo tamin'ny tanana tsy voadio, izany hoe, tsy voasasa. <sup>3</sup> (Fa ny Fariseo sy ny Jiosy rehetra dia tsy mba mihinana raha tsy efa nanasa ny tanan'izy ireo, satria manaraka ny fombafomban'ireo loholona.) <sup>4</sup> Ary rehefa miverina avy any an-tsena ireo Fariseo, dia tsy mihinana izy ireo raha tsy avy mandro, ary mitandrina fomba maro hafa fatratra izy ireo, tahaka ny fanasana ny kapoaka, sy ny famarana, sy fanaka varahina, ary ny fandriana izay ihinanan'izy ireo.) <sup>5</sup> Ireo Fariseo sy ny mpanoradalana nanontany an'ny Jesosy hoe: "Nahoana ny mpianatrao no tsy mandeha araka ny fombafomban'ireo loholona, fa mihinana ny mofon'izy ireo amin'ny tanana tsy voasasa?" <sup>6</sup> Nefa hoy Izy tamin'izy ireo: "Isaia naminany tsara momba anareo mpihatsaravelsihy. Nosoratany hoe: 'Ity vahoaka ity manaja Ahy amin' ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy. <sup>7</sup> Foana ny fivavahana atolotr'izy ireo Ahy, raha mampianatra ny fitsipik'olombelona ho fampianaran'izy ireo.' <sup>8</sup> Afoinareo ny didin'Andriamanitra ka hazoninareo mafy ny fomban'ny olona." <sup>9</sup> Ary hoy ihany koa Izy tamin'izy ireo: "Tahaka ny ahoana ny fanarinareo ny didin' Andriamanitra mba hitandremanareo ny fomban-drazanareo! <sup>10</sup> Fa hoy Mosesy: 'Manaja ny rainao sy ny reninao,' ary koa, 'Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa.' <sup>11</sup> Kanefa ianareo miteny hoe: 'Raha misy lehilahy iray miteny ny rainy na ny reniny hoe: 'Na inona na inona tianao ho azo tamiko dia efa Korbana,' (izany hoe: 'Nomena an'Andriamanitra') -- <sup>12</sup> dia tsy avelanareo hanao na inona na inona amin'ny rainy sy ny reniny intsony izy. <sup>13</sup> Manafoana ny tenin' Andriamanitra ianareo noho ny fomban-drazanareo izay notananareo. Ary zavatra maro mitovy amin'izany koa no ataonareo." <sup>14</sup> Ary niantso ny vahoaka indray Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa Ahy, ianareo rehetra, ka fantaro. <sup>15</sup> Tsy misy zavatra avy eo ivelany izay miditra ao anatin'ny olona ka afaka mahaloto azy rehefa miditra ao aminy. Fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy." <sup>16</sup><sup>[1]</sup><sup>17</sup> Ary rehefa niala teo amin'ny vahoaka Jesosy ka niditra tao an-trano, ny mpianany nanontany Azy momba ilay fanoharana. <sup>18</sup> Hoy Jesosy taminy: "Ianareo koa ve mbola tsy manana fahalalana? Tsy hitanareo ve fa izay rehetra miditra ao anatin'ny olona avy any ivelany dia tsy mahaloto azy, <sup>19</sup> satria tsy afa-miditra ao am-pony izany, fa ao an-kibony ihany ka mivoaka any amin'ny fivoahana?" Tamin'izany fanambarana izany dia nahatonga ny hanina rehetra ho madio i Jesosy. <sup>20</sup> Hoy Izy: "Izay mivoaka avy ao amin'ny olona no mahaloto azy. <sup>21</sup> Fa avy ao anatin'ny olona, avy ao am-pony, no ivoahan'ny sain-ratsy, ny fahavetavetana, ny halatra, ny famonoan'olona, <sup>22</sup> ny fijangajangana, ny fitsiriritana, ny haratsiam-panahy, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny fialonana, ny fiampangana lainga, ny avonavona, ny hadalana. <sup>23</sup> Izany zava-dratsy rehetra izany no mivoaka avy ao anatin'ny olona, ary ireo no mahaloto azy." <sup>24</sup> Niala teo Izy ka lasa nandeha tany amin'ny faritry Tyro sy Sidona. Niditra tao an-trano iray Izy ary tsy tiany ho fantatr'iza na iza fa tao Izy, kanefa tsy afaka niery. <sup>25</sup> Kanefa niaraka tamin'izay dia nisy vehivavy iray, izay nisy fanahy maloto iray ny zanany vavy kely, nandre ny aminy, tonga, ary niankohoka teo an-tongony. <sup>26</sup> Ary Grika ilay vehivavy, Syro-foinika no niaviany. Niangavy Taminy izy mba hamoaka ny demonia hiala amin'ny zanany vavy. <sup>27</sup> Hoy Izy taminy: "Aoka homen-kanina aloha ny zaza. Satria tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an'ny amboa." <sup>28</sup> Nefa namaly izy ka nanao Taminy hoe: "Eny, Tompo, fa na ny amboa ao ambany latabatra aza dia mba mihinana ny sombintsombiny amin'ny mofon-jaza." <sup>29</sup> Dia hoy Izy taminy: "Noho izany teninao izany, afaka mandeha ianao. Efa nivoaka tamin'ny zanakao vavy ny demonia". <sup>30</sup> Ary raha niverina tany an-tranony ravehivavy dia nahita ny zaza nandry teo ambonin'ny farafara, ary ny demonia efa niala. <sup>31</sup> Ary Jesosy nivoaka indray niala ny faritry Tyro, dia namaky an'i Sidona hatrany amin'ny Ranomasin'ny Galilia ka niakatra ny faritry Dekapolis. <sup>32</sup> Ary nentin'izy ireo teo Aminy ny olona iray marenina sady sahirana raha miteny, ary nitalaho Taminy izy ireo mba hametrahany ny tanany aminy. <sup>33</sup> Nitondra an-dralehilahy nitokana niala teo amin'ny vahoaka Izy, dia nametraka ny rantsan-tanany tao an-tsofiny Izy, ary raha avy nandrora, dia nikasika ny lelany. <sup>34</sup> Dia niandrindra ny lanitra Izy, dia nisento ka nanao taminy hoe: "Efata," izany hoe: "Maladia!" <sup>35</sup> Ary haingana teo ny sofiny dia nalady, ary izay namehy ny lelany dia potika ary afaka niteny mazava tsara izy. <sup>36</sup> Ary Jesosy nandrara azy ireo tsy hilazalaza na amin'iza na amin'iza. Kanefa na dia norarana aza izy ireo, vao maika nampielany izany bebe kokoa. <sup>37</sup> Dia gaga tanteraka ny olona, ka niteny hoe: "Nataony tsara daholo ny zavatra rehetra. Nataony mandre aza ny marenina ary miteny ny moana."

### Footnotes

7:16 <sup>[1]</sup>Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny andininy faha 16: Raha misy manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino.

## Mark 7:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy niteny mafy an'ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna.

### niangona nanodidina

"niangona nanodidina an'i Jesosy"

## Mark 7:2

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha 3 sy 4 dia manome fampahafantarana fototra ny fombafombam-pidiovan'ireo Fariseo. Ny UDB dia mampiasa ny andininy mba handaminana ny fifandraisan'ny andininy faha 3 sy 4 mba ho mora azo.

### Ary hitan'izy ireo

"Ary hitan'ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna"

### izany hoe, tsy voasasa

Manampy bebe kokoa raha atao hoe: "izany hoe, tsy nanasa tanana izy ireo nefa nihinana"

### loholona

Ireo Jiosy no loholona tao amin'ny fiaraha-monina ary mpitsara ny olona ihany koa izy ireo.

### ireo fanaka varahina

"koveta varahina" na "koveta vy"

### ary ny fandriana izay ihiinan'izy ireo

"dabilio" na "fandriana." Tamin'io fotoana io, ny Jiosy dia amin'ny tany no mihinana.

## Mark 7:5

### Nahoana ny mpianatrao no tsy mandeha araka ny fombafomban'ireo loholona, fa mihinana ny mofon'izy ireo amin'ny tanana tsy voasasa?

Ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna dia mametraka izany fanontaniana izany mba hiantsy ny fahefan'i Jesosy. Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy mankato ny fomban'ny lehibenay ny mpianatrao! Tokony hampiasa ny fombanay izy ireo rehefa manasa ny tanan'izy ireo."

### mofa

Misolo toerana ny sakafo amin'ny ankapobeny io teny io. DH: "sakafo"

## Mark 7:6

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto Jesosy dia milaza ny tenin'Isaia mpaminany, izay nanoratra soratra masina taona maro tany aloha.

### amin'ny molony

Eto ny "molotra" dia hevitra ambadiky ny fitenenana. DH: "amin'ny alalan'izay tenenin'izy ireo"

### fa ny fony kosa lavitra Ahy

Eto ny hoe "fony" dia maneho ny eritreritry ny olona iray na ireo fihetsem-pony. Fomba hitenenana olona tsy tena manolo-tena amin'Andriamanitra. DH: "fa izy ireo dia tsy tena tia Ahy"

### Fivavahana foana no atolotr'izy ireo Ahy

"Izy ireo dia manolotra fivavahana tsy misy dikany ho Ahy" na "Izy ireo dia mivavabava-poana"

## Mark 7:8

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy dia nanohy niteny mafy an'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo.

### Afoinareo

"mandà hanaraka"

### hazoninareo mafy

"mitàna mafy" na "tazonny fotsiny"

### Tahaka ny ahoana ny fanarinareo ny didy ... mba hitandremanareo ny fomban-drazanareo

Jesosy dia mampiasa io fitsimbadihan-kevitra io mba hitenenana mafy an'ireo mpihaino Azy amin'ny fanariana ny didin'Andriamanitra. DH: "Ianareo mihevitra fa nanao ny tsara tamin'ny fomba nitsipahanareo ny didin'Andriamanitra ka mitazona ny fomban-drazanareo ihany ianareo, kanefa izay vitanareo dia tsy tsara avokoa!"

### ahoana ny fanarinareo

"ahoana ny fahaizanareo mandà"

### miteny ratsy

"manozona"

### dia ho faty tokoa

"dia tsy maintsy ho faty"

### Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa

Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa. Afaka atao ihany koa hoe: Ireo manam-pahefana dia tsy maintsy mamono ny olona izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny"

## Mark 7:11

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny UDB dia mampiasa andininy tetezamita mba hampifandraisana ny andininy faha 11 sy 12 hampazava kokoa izay tenenin'i Jesosy amin'ireo Fariseo.

**Na inona na inona tianao ho azo tamiko dia efa Korbana**  
Ny fomban-drazan'ireo mpanora-dalàna dia hoe raha vao nampanantenaina ho an'ny tempoly ny vola na zavatra hafa, dia tsy afaka ampiasaina amin'ny tanjona hafa intsony.

#### **Korbana**

Eto ny mpanoratra dia maneho zavatra izay amin'ny teny Hebreo. Io teny io dia afaka adika amin'ny abidian'ny fitenim-paritrao.

#### **Nomena an'Andriamanitra**

Eto ny hoe "maso" dia hevitra ambadiky ny 1) faniriana te-hanota amin'ny fijerena zavatra. DH: "Raha maniry hijery zavatra feno fahotana amin'ny masonao ianao dia esory hiala ny masonao." na "Faniriana te-hanota amin'izay nojerena. DH: "Raha mitady hanao zavatra feno fahotana amin'izay hitanao ianao, dia esory hiala ny masonao"

**miditra ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin'ny maso tokana toy izay maso roa**

Izany dia maneho ny toetoetry ny vatan'ny olona iray rehefa maty izy. Ny olona iray dia tsy mitondra ny vatany miaraka aminy mankany amin'ny fiainana mandrakizay. DH: "miditra ny fanjakan'Andriamanitra, taorian'ny niainana teto"

an-tany miaraka amin'ny maso tokana, toy izay niaina teto an-tany ary nanana maso roa"

**ary hariana any amin'ny helo**

Afaka atao hoe: "ary Andriamanitra no hanipy anareo any amin'ny helo"

**any amin'ny toerana izay tsy mahafaty ny kankan'izy ireo**

Afaka atao ihany koa hoe: "any amin'ny toerana izay tsy mahafaty ny kankana mihinana ny olona"

**Mark 9:49**

**Fa ny olona rehetra dia samy ho voasira amin'ny afo**

Eto Jesosy dia miteny ny olon-drehetra voadio amin'ny fijaliana. Jesosy miresaka momba ny

fijalian'ny olona amin'ny afo sy ny fijalian'ny olona amin'ny fanasiana sira amin'izy ireo. DH: "Toy ny hanadiovan'ny sira ny sorona, no hanadiovan'Andriamanitra ny olon-drehetra amin'ny famelana azy ireo hijaly"

**ahoana no ahafahanao mampasira azy indray?**

Afaka atao hoe: "tsy afaka ataonao masira intsony izany"

**Asio sira ao aminareo**

Jesosy dia miresaka momba ny fanaovana zavatra tsara ho an'ny hafa tahaka ny hoe ny zavatra tsara no sira hananan'ny olona. DH: "Manaova ny tsara mba hampianatra ny hafa, toy ny sira atao amin'ny sakafo"

## Chapter 10

<sup>1</sup> Niala teo amin'izany toerana izany Jesosy ary nandeha tany amin'ny faritr'iJodia sy teny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana, ary nankeo aminy indray ny vahoaka. Ary araka ny fanaony, dia nampianatra azy ireo indray Izy. <sup>2</sup> Dia nanatona Azy ireo fariseo mba hitsapa Azy ka nanontany hoe: "Ara-dalàna ho an'ny lehilahy va ny misaraka amin'ny vadiny?" <sup>3</sup> Namaly Izy hoe: "Inona no nandidian'i Mosesy anareo?" <sup>4</sup> Dia hoy izy ireo hoe: "Mosesy dia namela ny lehilahy iray hanoratra taratasy fanamarinana fisaraham-panambadiana ary mandefa azy avy eo." <sup>5</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nohon'ny hamafin'ny fonareo no nanoratany ho anareo izany lalàna izany." <sup>6</sup> "Fa tany am-piandohan'ny famoronana, 'Andriamanitra nanao azy ireo ho lahy sy vavy.'" <sup>7</sup> 'Amin'izany antony izany dia handao ny rainy sy reniny ny lahy ka hikambana amin'ny vadiny, <sup>8</sup> ary hanjary ho nofo iray izy roa.' Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray ihany. <sup>9</sup> Koa izay nakamban'Andriamanitra, dia aoka tsy ho sarahin'olombelona." <sup>10</sup> Ary rehefa tao an-trano izy ireo, dia mbola namerina nanontany mikasika izany indray ireo mpianatra. <sup>11</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na iza na iza lehilahy misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa dia mijangajanga. <sup>12</sup> Raha misaraka amin'ny vadiny ny vehivavy ka manambady lehilahy hafa, dia mijangajanga izy." <sup>13</sup> Avy eo izy ireo dia nitindra ny zanak'izy ireo teo Aminy mba hametrahany tanana, fa nobedesin'ireo mpianatra izy ireo. <sup>14</sup> Fa rehefa nahatsikaritra izany Jesosy, dia tezitra mafy Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo izay toa azy ireo. <sup>15</sup> Lazaiko aminareo marina tokoa, na iza na iza tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zazakely dia tsy hiditra izany amin'izany velively." <sup>16</sup> Avy eo dia notrotrony ireo zaza ireo ka notsofiny rano sady nametrahany tanana. <sup>17</sup> Ary rehefa nanomboka ny diany Izy, dia nisy lehilahy nihazakazaka ka nandohalika teo anatrehany, ary nanontany hoe: "Ry mpampianatra tsara, inona no tsy maintsy ataoko mba handovàko ny fiainana mandrakizay?" <sup>18</sup> Jesosy nanao hoe: "Nahoana no antsoinao hoe tsara Aho? Tsy misy tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany. <sup>19</sup> Fantatrao ny didy hoe: 'Aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina, aza mamitaka, hajao ny ray sy reninao.'" <sup>20</sup> Dia hoy ilay lehilahy hoe: "Mpampianatra ô, efa narahiko hatramin'ny fahatanorako avokoa ireo rehetra ireo." <sup>21</sup> Nijery azy Jesosy dia tia azy. Ary hoy Izy taminy hoe: "Misy zavatra banga iray ao aminao. Tsy maintsy amidinao izay rehetra anananao ary omena ny mahantra izany, dia hanana harena any an-danitra ianao. Avy eo, manaraha Ahy." <sup>22</sup> Fa noho izany filazana izany dia nalahelo izy ka nandeha nangahiahy, satria nanana fananam-be tokoa izy. <sup>23</sup> Nijery ny manodidina Azy Jesosy ary niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Tena sarotra ho an'ireo manana harena be ny miditra ny fanjakan' Andriamanitra!" <sup>24</sup> Dia gaga tamin'ny teniny ireo mpianatra. Fa hoy indray Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Anaka, sarotra ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra! <sup>25</sup> Mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vody fanjaitra, noho ny hidiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>26</sup> Dia mbola gaga indray ny mpianatra ary dia nifanontany ireo hoe: "Iza izany no afaka ny ho voavonjy?" <sup>27</sup> Nijery azy ireo Jesosy ary hoy Izy hoe: "Tsy vitan'ny olona izany, fa vitan'Andriamanitra. Satria ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra atao." <sup>28</sup> Dia nanomboka niteny taminy i Petera hoe: "Jereo, Izahay ireto dia nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao." <sup>29</sup> Ary hoy Jesosy: "Lazaiko marina aminareo, tsy misy olona izay nandao ny tranony, na ny rahalahiny; na ny rahavaviny, na ny reniny, na ny rainy, na ny zanany, na ny taniny noho ny amiko, sy ny Filazantsara, <sup>30</sup> ka tsy nahazo avo zato heny amin'izao taonjato ankehitriny izao: dia trano, rahalahy, rahavavy, reny, zanaka sy tany, miaraka amin'ny fanenjarahana, ary amin'ny taonjato ho avy, dia ny fiainana mandrakizay. <sup>31</sup> Fa betsaka ny voalohany no ho lasa farany, ary ny farany ho lasa voalohany." <sup>32</sup> Teny an-dalana izy ireo, hiakatra ho any Jerosalema, ary Jesosy nandeha nialoha azy ireo. Gaga ireo mpianatra, ary ireo izay nanaraka Azy taoriana dia natahotra. Nantsoin'i Jesosy ho eo Aminy indray izy roa ambinifolo ary dia nanomboka nilaza izay zavatra hihatra Aminy tsy ho ela Izy. <sup>33</sup> "Jereo, miakatra ho any Jerosalema isika izao, ary ny Zanak'Olona dia atolotra ny mpisoronabe sy ny mpanora-dalàna. Ho helohin'izy ireo ho faty Izy ary hatolony amin'ny Jentilisa. <sup>34</sup> Ireo dia haneso Azy, handrora Azy, hikapoka Azy, sy hahafaty Azy. Fa afaka telo andro dia hitsangana amin'ny maty Izy." <sup>35</sup> Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, nanatona Azy ary niteny Taminy hoe: "Mpampianatra ô, mba tianay raha mba ataonao izay rehetra angatahanay aminao." <sup>36</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no tianareo ho ataoko ho anareo?" <sup>37</sup> Hoy izy ireo hoe: "Avelao izahay hiara-hipetraka aminao ao amin'ny voninahitrao, ka ny iray eo an-tanana ankavananao ary ny iray eo ankavianao." <sup>38</sup> Fa Jesosy namaly azy ireo hoe: "Tsy fantatrareo izay angatahanareo. Ianareo ve afaka misotro amin'ny kapoaka izay hisotroako na hiaritra ho atao batisa amin'izay hanaovana batisa Ahy?" <sup>39</sup> Hoy izy ireo Taminy hoe: "Vitanay izany." Ary niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Ny kapoaka izay ho sotroiko, dia ho sotroinareo, ary amin'ny batisa izay hanaovam-batisa Ahy, no hanaovam-batisa anareo

koa. <sup>40</sup> Fa izay hipetraka eo an-tanana ankavanako na eo ankaviako kosa dia tsy miankina amiko izany, fa izany dia ho an'ireo izay nanomanana izany." <sup>41</sup> Rehefa nahare ny momba izany ireo mpianatra folo hafa, dia nanomboka tezitra mafy tamin'i Jakoba sy Jaona. <sup>42</sup> Nantsoin'i Jesosy ho eo aminy izy ireo ary niteny hoe: "Fantatrarao fa ireo izay heverina ho mpanapaky ny Jentilisa dia mampanompo azy ireo, ary ny lehibe mpifehy azy ireo dia manampatra fahefana amin'izy ireo. <sup>43</sup> Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo. Fa na iza na iza maniry ho lehibe aminareo dia aoka izy ho mpanomponareo, <sup>44</sup> ary na iza na iza maniry ho voalohany aminareo dia aoka izy no andevonareo rehetra. <sup>45</sup> Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba ho tompoina, fa mba hanompo, sy hanolotra ny ainy ho takalon'aina ho an'ny maro." <sup>46</sup> Tonga tao Jeriko izy ireo. Rehefa nivoaka ny tanàna niaraka tamin'ny mpianany sy vahoaka marobe Izy, ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba, nipetraka teo amoron-dalana. <sup>47</sup> Rehefa nahare izy fa Jesosy avy any Nazareta izany, dia nanomboka nihiakiaka mafy izy ary niteny hoe: "Ry Jesosy, Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!" <sup>48</sup> Betsaka no niteny mafy ilay jamba, niteny taminy mba hangina. Fa vao mainka izy nihiaka mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!" <sup>49</sup> Nljanona Jesosy ary nampiantso azy. Nantsoin'ireo ilay jamba, ary noteneniny hoe: "Mahereza! Mitsangàna! Miantso anao Izy." <sup>50</sup> Nariany ny lambany, ary nitsangana, ka nankeo amin'i Jesosy izy. <sup>51</sup> Dia namaly azy Jesosy ary niteny hoe: "Inona no tianao ataoko aminao?" Hoy ilay lehilahy jamba hoe: "Raby ô, te-hahiratra aho." <sup>52</sup> Ary hoy Jesosy taminy hoe: "Mandehana. Ny finoanao no nahavonjy anao." Dia nahita niaraka tamin'izay ny masony, ary nanaraka an'i Jesosy teny an-dalana izy.

## Mark 10:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ary niala tao Kapernaomy Jesosy sy ireo mpianany, Jesosy nampahatsiahy ireo Fariseo, toy ny mpianany, izay andrasan'Andriamanitra amin'ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana.

### Niala teo amin'izany toerana izany Jesosy

Nandeha niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianany. Niala tao Kapernaomy izy ireo. DH: "Jesosy sy ireo mpianany dia niala tao Kapernaomy"

teny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana  
"teo am-pitan'i Reniranon'i Jordana"

### dia nampianatra azy ireo indray Izy

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo vahoaka.

### araka ny fanaony

"izay mahazatra Azy" na "ataony matetika"

### Inona no nandidian'i Mosesy anareo

Mosesy nanome ny lalàna ho an'ny razamben'izy ireo, izay tokony harahin'izy ireo ihany koa ankehitriny. DH: "Inona no nandidian'i Mosesy ny razambenareo momba izany"

### taratasy fanamarinana fisaraham-bady

Taratasy izay miteny fa ilay vehivavy dia tsy vadiny intsony.

## Mark 10:5

### hamafin'ny fonareo no nanoratany ho anareo

Mosesy nanoratra ny lalàna ho an'ny razambenareo, izay tokony harahin'izy ireo ihany koa ankehitriny. DH: "hamafin'ny fon'ny razambenareo no nanoratany ho anareo io lalàna io"

### hamafin'ny fonareo

"ny fanamafisam-ponareo"

### Andriamanitra nanao azy ireo

"Andriamanitra nanao ny olona"

## Mark 10:7

### Amin'izany antony izany ... aoka tsy ho sarahin'ny olombelona

Amin'ireo andininy ireo, Jesosy dia milaza izay notenenin'Andriamanitra tao amin'ny bokin'i Genesisy. DH: "Izany dia manazava izay lazain'Andriamanitra hoe: "Ny lehilahy ... ka aoka tsy ho sarahin'ny olombelona."

### Amin'izany antony izany

"Noho izany"

### hikambana

"hiray"

### tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray ihany

Izany dia sarin-teny hanehoana ny fifandraisana akaikin'ny mpivady. DH: "ny olona roa dia ho lasa iray" na "tsy ho roa intsony izy ireo, fa hitambatra ho vatana iray"

### Koa izay nakamban'Andriamanitra, dia aoka tsy ho sarahin'ny olombelona

Afaka atao hoe: "Noho izany rehefa nakamban'Andriamanitra ny mpivady, dia aoka tsy ho sarahin'ny olombelona"

## Mark 10:10

### rehefa tao an-trano izy ireo

"Rehefa tao an-trano Jesosy sy ireo mpianany"



**tao an-trano**

Niresaka mitokana tamin'i Jesosy ireo mpianany.  
DH: "irery tao an-trano"

**namerina nanontany mikasika izany indray**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny resaka momba ny fisaraham-panambadiana izay nifanaovan'i Jesosy sy ireo Fariseo.

**Na iza na iza**

"Raha misy lehilahy"

**Mark 10:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nibedy ny olona ireo mpianatra tamin'ny fitondran'izy ireo ny zanak'izy ireo ho eny amin'i Jesosy, dia notahiany ireo zaza ary nampahatsiahy an'ireo mpianatra fa ny olona dia tsy maintsy manetry tena tahaka ny zaza mba hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**nitondra**

"Ary nitondra ny olona." Io no tranga manaraka ao anatin'ny tantara.

**mba hametrahany tanana**

Izany dia midika fa tokony hikasika azy ireo amin'ny tanana sy hitahy azy ireo Jesosy. DH: "mba hikasiany azy ireo amin'ny tanana sy hitahiany azy ireo" na "mba hahafahany mametraka ny tanany eo amin'izy ireo sy hitahiany azy ireo"

**nobedesin'ireo mpianatra izy ireo**

"nobedesin'ireo mpianatra ny olona"

**nahatsikaritra izany Jesosy**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny fibedesan'ireo mpianatra ny olona izay nitondra ireo zanany ho eo amin'i Jesosy.

**Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovitovy dika. DH: "Avelao hanatona Ahy ny zaza"

**aza raràna**

"avelao"

**fa ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo izay tahaka azy ireny**

DH: "ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo olona izay tahaka azy ireny" na "satria ny olona tahaka azy ireny ihany no isan'ny olon'ny fanjakan'Andriamanitra"

**Mark 10:15****tahaka ny zazakely**

Jesosy dia mampitaha ny fomba hahazoan'ny olona ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny fomba hahazoan'ny zaza izany.

**tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra**

"tsy hanaiky an'Andriamanitra ho mpanjakan'izy ireo"

**tsy hiditra izany mihitsy**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny fanjakan'Andriamanitra.

**notrotoiny ireo zaza ireo**

"nofihininy ireo zaza"

**Mark 10:17****mba handovàko ny fiainana mandrakizay**

Eto ilay lehilahy dia miresaka ny "fahazoana" toy ny hoe: "fandovàna." Sarinteny ampiasaina mba hanasongadinana ny lanjan'ny fandovàna. Ary ihany koa, ny "fandovàna" eto dia tsy midika hoe maty aloha ny olona iray. DH: "mba hahazoana ny fiainana mandrakizay"

**Nahoana no antsoinao hoe tsara Aho? Tsy misy tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany**

Jesosy dia manontany an'ilay lehilahy raha tonga saina izy fa ny fiantsoana an'i Jesosy hoe "tsara" dia maneho fa Andriamanitra Jesosy. DH: "Fantatrao fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Nahoana ianao no miantso Ahy hoe tsara?" na "Ianao mahafantatra fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery ihany. Fantatrao ve ny dikan'izay lazainao rehefa miantso Ahy hoe tsara ianao?"

**tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany**

"tsara. Andriamanitra irery no tsara"

**Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina**

"Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina na amin'iza na amin'iza" na "aza mandainga momba ny olona any amin'ny fitsarana"

**hajao**

Midika hoe mankato

**Mark 10:20****Misy zavatra banga iray ao aminao**

"Misy zavatra iray tsy ampy any aminao" Eto Jesosy dia miresaka momba ny "tsy fanaovana zavatra" ho "fahabangan-javatra." DH: "Mbola misy zavatra iray tsy vitanao"

**bang**

tsy fananana zavatra

**omena ny mahantra izany**

Eto ny teny hoe: "izany" dia maneho ny zavatra izay varotany ary hevitra ambadiky ny vola izay azony rehefa mivarotra ireny izy. DH: "omeo ny mahantra ny vola"

**ny mahantra**

Maneho ny olona mahantra. DH: "ny olona mahantra"

**nanana fananam-be tokoa izy**

"manana zavatra marobe"

**Mark 10:23****hoy indray Jesosy tamin'izy ireo**

"hoy indray Jesosy tamin'ireo mpianatra"

**Anaka**

"Ry zanako." Jesosy dia manao an'ireo mpianany ho "zanaka," fa nampianatra azy ireo tahaka ny Ray mampianatra ny zanany Izy. DH: "Ry namako"

**Mora kokoa ... ny fanjakan'Andriamanitra**

Jesosy dia mampiasa filaza masaka mba hanasongadinana fa tena sarotra ho an'ny mpanan-karena ny mahazo ny fanjakan'Andriamanitra.

**Mora kokoa ho an'ny rameva**

Izany dia miresaka trangan-javatra iray izay tsy ho tanteraka mihitsy. DH: "Ho mora kokoa ho an'ny rameva"

**Mark 10:26****Iza izany no afaka ny ho voavonjy?**

DH: "Raha izany no izy, dia tsy misy olona ho voavonjy!"

**Tsy vitan'ny olona izany, fa vitan'Andriamanitra**

DH: "Tsy vitan'ny olona ny mamonjy ny tenan'izy ireo, fa vitan'Andriamanitra ny mamonjy azy ireo!"

**Jereo, izahay ireto dia nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao**

Eto ny teny hoe: "Jereo" dia ampiasaina mba hisarihana amin'izay hitranga manaraka. DH: "Izahay nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao!"

**nahafoy ny rehetra**

"namela ny zavatra rehetra"

**Mark 10:29****tsy misy olona izay nandao ny ... ka tsy nahazo**

Afaka atao hoe: "Izay rehetra nandao ny ... dia hahazo"

**noho ny amiko**

"noho Izaho"

**ny Filazantsara**

"nitory ny filazantsara"

**na ny rahalahiny; na ny rahavaviny, na ny reniny, na ny rainy, na ny zanany,**  
mamaritra ny fianakaviana na ankohonana

**miaraka amin'ny fanenjehana, ary amin'ny taonjato ho avy, dia ny fiainana mandrakizay.**

Afaka atao ihany koa hoe: "na dia hanenjika azy ireo aza ny olona, ary amin'ny taonjato ho avy, dia hahazo ny fiainana mandrakizay izy ireo"

**amin'ny taonjato ho avy**

"ny fiainana ho avy" na "ny taona ho avy"

**ny voalohany no ho lasa farany, ary ny farany ho lasa voalohany**

Jesosy dia miresaka momba ny "manan-danja" ho "voalohany" ary "tsy manan-danja" ho "farany". DH: "ny manan-danja no ho lasa tsy manan-danja, ary ny tsy manan-danja ho lasa manan-danja"

**Mark 10:32****Teny an-dalana izy ireo ... ary Jesosy nandeha nialoha azy ireo**

"Teny an-dalana Jesosy sy ireo mpianany ... ary Jesosy nandeha nialoha ireo mpianany"

**ary ireo izay nanaraka Azy taoriana**

olona izay nanaraka an'i Jesosy sy ireo mpianany.

**Jereo**

"Henoy. "Jesosy nampiasa io teny io mba hisarihana ny olona, mba hampahafantatra azy ireo fa hiteny zavatra manan-danja Izy.

**Zanak'Olona**

Jesosy dia miresaka momba ny tenany. Afaka atao hoe: "Izaho, ilay Zanak'Olona,"

**ny Zanak'Olona dia atolotra ny**

DH: "hisy olona iray hanolotra ny Zanak'Olona amin'ny" na "izy ireo dia hametraka ny Zanak'Olona eo am-pelatanan'ny"

**Ho helohin'izy ireo**

Ny "izy ireo" dia maneho ny lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna.

**ary hatolony**

"hametraka Azy eo am-pelatanan'ny." Izany dia midika fa atolotra ny fahefan'ny Jentilisa i Jesosy.

**Ireo dia haneso Azy**

"Haneso Azy ny olona"

**Mark 10:35****tianay raha mba ataonao izay rehetra angatahanay**

Jakoba sy Jaona no miteny eto.

**ao amin'ny voninahitrao**

"rehefa omem-boninahitra Ianao." Ny teny "ny voninahitrao" dia maneho an'i Jesosy rehefa nomem-boninahitra Izy ka hanapaka ny fanjakany. DH: "rehefa handidy ny fanjakanao Ianao"

**Mark 10:38**

**Tsy fantatrareo**  
"Tsy takatrareo"

**kapoaka izay hisotroako**

Eto ny "kapoaka" dia maneho izay tsy maintsy ho fijalian'i Jesosy. DH: "ny kaopin'ny fijaliana izay hosotroiko"

**hiaritra ho atao batisa**

Eto ny "batisa" dia maneho izay tsy maintsy ho fijalian'i Jesosy. DH: "hiaritra ny batisan'ny fijaliana"

**Vitanay izany**

Izany no fomba namalian'izy ireo, midika fa mahavita misotro amin'ilay kaopy izy ireo ary miaritra ny batisa.

**dia ho sotroinareo**

"dia ho sotroinareo ihany koa"

**izay hanaovam-batisa Ahy**

Afaka atao hoe: "izay hiaretako"

**Fa izay hipetraka eo an-tanana ankavanako ... dia tsy miankina amiko izany**

"Fa tsy Izaho no ilay hamela ny olona hipetraka eo an-tanana ankavanako na eo an-tanana ankaviako"

**fa izany dia ho an'ireo izay nanomanana izany**

"fa ireo toerana ireo dia ho an'izay nanomanana azy ihany." Ny teny hoe: "izany" dia maneho ny toerana eo an-tanana ankavanany sy eo an-tanana ankaviany.

**nanomanana izany**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanomana izany" na "Andriamanitra nanomana izany ho azy ireo"

**Mark 10:41****Rehefa nahare ny momba izany**

Ny teny hoe: "izany" dia maneho an'i Jaona sy Jakoba mangataka hipetraka eo ankavanana sy ankavian'i Jesosy.

**Nantsoin'i Jesosy izy ireo**

"Nantsoin'i Jesosy ho eo aminy ireo mpianany"

**ireo izay heverina ho mpanapaky ny Jentilisa**

Afaka atao ihany koa hoe: "ireo izay heverin'ny olona ho mpanapaky ny Jentilisa"

**mampanompo azy ireo**

"mifehy ny" na "manana fahefana amin'ny"

**manampatra fahefana**

"manampatra ny fahefan'izy ireo" Izany dia midika fa izy ireo dia manampatra mihoatra ny tokony ho izy ny fahefan'izy ireo.

**Mark 10:43****Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo**

Afaka atao ihany koa hoe: "Kaneffa aza maka tahaka azy ireo"

**maniry ho lehibe**

"te-ho hajaina fatratra"

**maniry ho voalohany**

"te-ho manan-danja indrindra"

**Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba ho tompoina**

Afaka atao ihany koa hoe: "Fa ny Zanak'Olona dia tsy tonga mba ho tompoin'ny olona"

**mba ho tompoina, fa mba hanompo**

Afaka ampiana kely ny fehezanteny: "mba ho tompoin'ny olona, fa mba hanompo ny olona"

**ho an'ny maro**

"ho an'ny olona maro"

**Mark 10:46****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola nanohy nandeha nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany, dia nanasitrana an'i Bartolomeo jamba i Jesosy, izay lasa niaraka tamin'izy ireo.

**ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba**

"ilay mpangataka jamba antsoina hoe: Bartolomeo, zanak'i Timeo." Bartolomeo dia anaran'ilay lehilahy. Timeo dia anaran'ny rainy.

**Rehefa nahare izy fa Jesosy izany**

Bartolomeo nandre ireo olona niteny fa izy dia Jesosy. DH: "Rehefa nandre ny olona fa Jesosy izany"

**Zanak'i Davida**

Jesosy dia antsoina hoe Zanak'i Davida satria taranak'i Davida Izy. DH: "Ianao ilay Mesia avy amin'ny taranak'i Davida Mpanjaka"

**Betsaka**

"Olona maro"

**Mark 10:49****nampiantso azy**

Afaka atao ihany koa hoe: "nibaiko azy ireo mba hiantso azy" na "nibaiko azy ireo," Antsoy izy hankaty amiko."

**Nantsoin'ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo vahoaka.

**Miantso anao Izy**

"Miantso anao Jesosy"

**Mark 10:51**

**namaly azy**

"namaly an'ilay lehilahy jamba"

**te-hahiratra aho**

"afaka mijery"

---

**Ny finoanao no nahavonjy anao**

Io fehezanteny io dia nosoratana toy izao mba hanasongadinana ny finoan'ilay lehilahy. Jesosy nanasitrana ilay lehilahy satria nino izy fa Jesosy dia afaka manasitrana azy. DH: "Izaho manasitrana anao satria ianao nino Ahy"

## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary raha nandeha tany Jerosalema izy ireo, dia nanakaiky an'i Betifaga sy Betania, any antendrombohitry Oliva, ary Jesosy naniraka roa tamin'ireo mpianany <sup>2</sup> ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana amin'iry vohitra kely manoloana antsika iry. Raha vao tafiditra ao ianareo, dia hahita zana-boriky iray mbola tsy notaingenan'olona. Vahao izy dia ento aty amiko. <sup>3</sup> Raha misy olona miteny aminareo hoe: 'Nahoana ianareo no manao izao?' Dia ataovy hoe: 'Misy ilain'ny Tompo azy dia haverina haingana aty izy.'" <sup>4</sup> Nandeha nivoaka izy ireo dia nahita zana-boriky iray nifatotra teo ivelan'ny trano anilan'ny varavarana iray eo amoron-dalana, ary novahan'izy ireo ny fatorany. <sup>5</sup> Nisy olona sasany nijoro teo ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona ity ataonareo, mamaha io zana-boriky io?" <sup>6</sup> Dia nolazainy azy ireo ny tenin'i Jesosy tamin'izy ireo, ary navelan'ny olona handeha amin'ny lalany izy ireo. <sup>7</sup> Ary nentin'ireo mpianatra roa lahy teo amin'i Jesosy ny zana-boriky dia nataony teo ambonin'izany ny lamban'izy ireo ka afaka nitaingina azy Jesosy. <sup>8</sup> Maro ny olona namelatra ny lambany teny an-dalana, ary ny sasany kosa namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha. <sup>9</sup> Ireo izay nandeha teo alohany sy ireo nanaraka Azy niantsoantso hoe: "Hosana! Deraina ilay iray avy amin'ny anaran'ny Tompo. <sup>10</sup> Deraina ny fanjakana ho avin'i Davida raintsika! Hosana any amin'ny avo indrindra!" <sup>11</sup> Avy eo Jesosy niditra tao Jerosalema ka nankao an-kianjan'ny tempoly ary nijerijery ny zavatra rehetra. Ary, efa nihariva ny andro, dia nizotra nankany Betania Izy sy ireo roambinifolo lahy. <sup>12</sup> Ny andro manaraka, raha niverina avy any Betania izy ireo, dia noana Izy. <sup>13</sup> Ary nahita hazon'aviavy iray nandravina avy tery lavidavitra, dia nanatona Izy hijery raha misy voa teo aminy, ary rehefa nankeo amin'izany Izy, dia tsy nahita na inona na inona afa tsy ravina fotsiny, fa tsy mbola taom-pamoazan'ny aviavy tamin'io. <sup>14</sup> Ary Izy niteny tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana ny voa avy aminao intsony mandrakizay." Ary ny mpianany nandre izany. <sup>15</sup> Nankany Jerosalema izy ireo, ary niditra tao an-kianjan'ny tempoly Izy ary nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra tao. Nazerany ny latabatr'ireo mpanakalo vola sy ny sezan'ireo mpivarotra voromailala. <sup>16</sup> Tsy namela an'iza na iza hitondra zavatra izay azo amidy hiditra ny kianjan'ny tempoly Izy. <sup>17</sup> Dia nampianatra azy ireo Izy ka nilaza hoe: "Tsy efa voasoratra va hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe trano fivavahana ho an'ny firenen-drehetra'? Nefa nataonareo ho zohy fieren'ny mpangalatra." <sup>18</sup> Ren'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanoradalana izay nolazainy, dia nitady fomba hamonoana Azy izy ireo. Fa natahotra Azy izy ireo satria ny vahoaka rehetra dia talanjona tamin'ny fampianarany. <sup>19</sup> Rehefa tonga ny hariva, dia niala ny tanàna izy ireo. <sup>20</sup> Ary raha nandeha izy ireo ny maraina, dia nahita ilay hazon'aviavy nalazo hatramin'ny fakany. <sup>21</sup> Ary Petera nahatsiaro ka niteny hoe: "Raby o, jereo! Nalazo ilay aviavy nozoninao." <sup>22</sup> Jesosy namaly azy ireo hoe: "Manàna finoana an'Andriamanitra. <sup>23</sup> Lazaiko aminareo marina tokoa fa na iza na iza miteny amin'ity tendrombohitra ity hoe: 'Mitsangàna ka mianjerà any an-dranomasina,' ka raha tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino fa hitranga aminy izay nolazainy, dia toy izany no hataon'Andriamanitra. <sup>24</sup> Noho izany Izaho milaza aminareo hoe: Izay rehetra hivavahanareo sy angatahinareo, minoa fa efa nandray izany ianareo, dia ho azonareo izany. <sup>25</sup> Rehefa mijoro sy mivavaka ianareo, dia tsy maintsy mamela izay alahelo rehetra anananareo amin'iza na iza ianareo, mba ho avelan'ny Rainareo Izay any an-danitra ihany koa ny fahotanareo. <sup>26</sup><sup>[1]</sup><sup>27</sup> Dia niakatra ho any Jerosalema indray izy ireo. Ary raha nandehandeha tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia tonga nanatona Azy ny lohandohan'ny mpisorona, ny mpanoradalana, ary ireo loholona. <sup>28</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Fahefana avy aiza no hanaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome Anao fahefana hanao ireny?" <sup>29</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Hametraka fanontaniana iray aminareo Aho. Lazao Amiko dia ho lazaiko ianareo hoe fahefana avy aiza no anaovako ireny zavatra ireny. <sup>30</sup> Ny batisan'i Jaona, avy any an-danitra va izany sa avy amin'ny olona? Valio Aho." <sup>31</sup> Nifampidinika miaraka izy ireo sady nifamaly sy niteny hoe: "Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra,' dia hiteny Izy hoe: 'Fa nahoana ary no tsy nino azy ianareo?' <sup>32</sup> Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona,'..." Natahotra ny olona izy ireo, satria resy lahatra ny olon-drehetra fa Jaona dia mpaminany tokoa. <sup>33</sup> Avy eo namaly an'i Jesosy izy ireo ka nanao hoe: "Tsy hainay." Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho ihany koa tsy hilaza aminareo hoe fahefana avy aiza no hanaovako ireny zavatra ireny."

### Footnotes

11:26 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny hoe (Jereo ao amin'ny Mat. 16:15) Mk. 11:26 "Fa raha tsy mamela heloka kosa ianareo, dia tsy hamela ny fahotanareo mihintsy koa ny Rainareo Izay any an-danitra."

**Mark 11:1**

**Ary raha nandeha tany Jerosalema izy ireo, dia nanakaiky an'i Betifaga sy Betania, any antendrombohitra'Oliva**

"Rehefa nanakaiky an'i Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany, dia tonga tao Betifaga sy Betania akaikin'ny tendrombohitra'Oliva"

**Betifaga**

Anarana tanàna iray.

**manoloana antsika**

"eo alohantsika"

**zana-boriky iray**

Maneho zana-boriky iray izay afaka mitondra olona.

**Nahoana ianareo no manao izao**

Afaka tenenina mazava tsara izay soloin'ny "izao" toerana. DH: "Nahoana ianareo no mamaha fatorana sy maka ilay zana-boriky"

**haverina haingana aty izy**

Jesosy dia hamerina haingana izany rehefa vita ny ilàny azy. DH: "hamerina izany eo no ho eo rehefa tsy ilainy intsony izany"

**Mark 11:4****Nandeha izy ireo**

"Ireo mpianatra roa dia nandeha"

**nolazainy azy ireo**

"Namaly izy ireo"

**ny tenin'i Jesosy tamin'izy ireo**

"araka izay nolazain'i Jesosy ho valian'izy ireo" Izany dia maneho ny fomba nolazain'i Jesosy azy ireo hamaliana ny fanontaniana'ny olona momba ny fangalana ilay zana-boriky.

**ary navelan'ny olona handeha amin'ny lalany izy ireo**

Izany dia midika fa navelan'izy ireo hanohy izay nataony izy ireo. DH: "avelao haka ilay zana-boriky hiaraka aminy izy ireo"

**Mark 11:7**

**nataony teo ambonin'izany ny lamban'izy ireo ka afaka nitaingina azy Jesosy**

"nametraka ny akanjon'izy ireo teo ambonin'izany ka afaka nitaingina azy Jesosy." Moramora kokoa ny mitaingina zana-boriky na soavaly rehefa misy lamba na zavatra mitovitovy amin'izay eo amboniny. Teto dia ny akanjon'ireo mpianatra no nataony teo.

**lamba**

"akanjo lava"

**Maro ny olona namelatra ny lambany teny an-dalana**

Izany famelarana lamba amin'ny lalana eo alohan'ny olona manan-danja izany dia fombafomba hanajana azy ireny. DH: "Olona maro no namelatra ny lamban'izy ireo tamin'ny lalana mba ho fanajana Azy"

**ary ny sasany kosa namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha**

Izany famelarana rantsan-kazo amin'ny lalana eo alohan'ny olona manan-danja izany dia fombafomba hanajana azy ireny. DH: "ny sasany namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha, mba ho fanajana Azy ihany koa"

**Hosana**

Io teny io dia midika hoe: "vonjeo izahay" kanefa midika ihany koa hoe: "derao Andriamanitra"

**Deraina ilay iray**

Maneho an'i Jesosy. DH: "Deraina anie Ianao, ilay iray"

**amin'ny anaran'ny Tompo**

hevitra ambadiiky ny fahefan'Andriamanitra. "ny fahefan'ny Tompo"

**Deraina ny fanjakana ho avy**

"Deraina ny fanjakana izay ho avy." Izany dia maneho an'i Jesosy ho avy ary hanapaka toy ny mpanjaka. DH: "Deraina ny fihavian'ny fanjakanao"

**Deraina anie**

"Deraina anie Andriamanitra"

**Davidra raintsika**

Eto ny firazanan'i Davidra dia maneho ny tenany ihany. DH: "ny firazanan'i Davidra raintsika" na "taranaka avy amin'i Davidra raintsika"

**Hosana any amin'ny avo indrindra**

Ny mety ho dikany hafa 1) "Derao Andriamanitra izay any an-danitra" na 2) "Aoka izay any an-danitra hihiaika hoe: 'Hosana'."

**ny avo indrindra**

Eto ny lanitra dia resahana hoe "avo indrindra." DH: "ny lanitra avo indrindra"

**Mark 11:11****niha-hariva ny andro**

"satria efa hariva ny andro"

**nizotra nankany Betania Izy sy ireo roa ambin'ny folo lahy**

"nizotra nankany Betania Izy sy ireo mpianany roa ambin'ny folo lahy"

**raha niverina avy any Betania izy ireo**

"raha niverina ho any Jerosalema avy any Betania izy ireo"

**Mark 11:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Niseho izany raha mbola nihazo nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianany.

**tsy nahita na inona na inona afa tsy ravina fotsiny**

DH: "tsy nahita voankazo teo amin'ilay hazo Izy fa ravina fotsiny"

**taom-pamoazana**

"vanim-potoana"

**Ary Izy niteny tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana ny voa avy aminao intsony mandrakizay"**

Jesosy dia miteny amin'ilay hazo ary manozona izany. Niteny toy izany Izy mba handrenesan'ireo mpianany Azy.

**Izy niteny tamin'izany hoe**

"Izy niteny tamin'ilay hazo hoe"

**Ary ny mpianany nandre izany**

Ny "izany" dia maneho ny tenin'i Jesosy tamin'ilay hazon'aviavy.

**Mark 11:15****Tonga tao izy ireo**

"Tonga tao Jesosy sy ireo mpianany"

**nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra tao an-tempoly**

Jesosy nandroaka ireo olona ireo hivoaka ny tempoly. DH: "nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra hivoaka ny tempoly"

**Mark 11:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Andriamanitra dia niteny talohan'ny fotoana tamin'ny teniny, tamin'ny alalan'Isaia mpaminany, fa ny tempoliny dia natao ho toeram-pivavahan'ny firenen-drehetra.

**Tsy efa voasoratra va hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe ... ho an'ny firenen-drehetra'?**

Jesosy dia mibedy ireo Lehiben'ny Jiosy ny amin'ny fampiasan'izy ireo ny tempoly. DH: "Efa voasoratra ao amin'ny Soratra Masina fa Andriamanitra dia niteny hoe: 'Tiako antsoina hoe trano izay hahafahan'ny firenena rehetra mivavaka ny tranoko'"

**Nefa nataonareo ho zohy fieren'ny mpangalatra**

Jesosy dia mampitaha ny olona amin'ny mpangalatra ary ny tempoly amin'ny zohin'ny mpangalatra. DH: "Fa ianareo dia toy ny mpangalatra izay nanao ny tranoko ho zohin'ny mpangalatra"

**zohy fieren'ny mpangalatra**

"zohy fiafenana'ny mpangalatra"

**dia nitady fomba hamonoana izy ireo**

"dia nitady fomba izy ireo"

**dia niala ny tanàna izy ireo**

"Jesosy sy ireo mpianany niala ny tanàna"

**Mark 11:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia mampiasa ohatra momba ilay hazo mba hampatsiahivana an'ireo mpianatra ny fananana finoana ao amin'Andriamanitra.

**nandeha ny**

"nandeha namakivaky ny lalana"

**Nalazo ilay aviavy**

DH: "Nalazo ary maty ilay hazo"

**Nalazo**

"maina"

**Ary Petera nahatsiaro**

DH: "Petera nahatsiaro izay nolazain'i Jesosy an'ilay hazon'aviavy"

**Mark 11:22****Jesosy namaly azy ireo**

"Jesosy namaly an'ireo mpianany"

**Lazaiko aminareo marina tokoa**

"Izaho milaza ny marina aminareo." Io fehezanteny io dia manindry izay ho lazain'i Jesosy manaraka.

**na iza na iza miteny**

"raha misy miteny"

**raha tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino**

Eto ny teny hoe: "tsy misy fisalasalana" dia midika "finoana marina." Jesosy dia miteny ireo teny ireo ho fanasongadinana. DH: "raha mino marina ao am-pony"

**no hataon'Andriamanitra**

"Andriamanitra hampisy"

**Mark 11:24****Noho izany Izaho milaza**

"Ka Izaho milaza aminareo"

**dia ho azonareo izany**

Hiseho izany satria Andriamanitra hanome izay angatahinareo. DH: "Andriamanitra hanao izany ho anareo"

**Rehefa mijoro sy mivavaka ianareo**

Ny mitsangana rehefa mivavaka amin'Andriamanitra dia fombafomba hiraiana amin'ny kolontsaina Hebreo. DH: "Rehefa mivavaka ianao"

**izay alahelo rehetra anananareo amin'iza na amin'iza**  
 "izay lolom-po rehetra anananareo amin'iza na iza."  
 Eto ny teny hoe: "izay rehetra" dia maneho ny lolom-ponao amin'ny olona iray nanota na hatezeranao amin'ny olona iray.

**Mark 11:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny andro manaraka dia niverina tao an-tempoly Jesosy, nanome valin-teny an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona, valin-tenin'ny fanontaniana izy ireo momba ny fandroahana ireo mpanakalo vola ivelan'ny faritry ny tempoly, amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana hafa, izay tsy ho vitan'izy ireo ny hamaly izany.

**Dia nankany Jerosalema izy ireo**

"Dia nankany Jerosalema Jesosy sy ireo mpianatra"

**Ary raha nandehandeha tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy**

Izany dia midika fa nandehandeha nanodidina ny tao anatin'ny tempoly Jesosy; fa tsy nandehandeha tao anatin'ny.

**Hoy izy ireo taminy**

Ny teny hoe: "Izy ireo" dia maneho ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona.

**Fahefana avy aiza no hanaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome Anao fahefana hanao ireny?**

Ireo fanontaniana ireo dia mitovy dika ary hapetraka miaraka mba hanamafy ny fanontaniana momba ny fahefan'i Jesosy. DH: "Iza no manome fahefana Anao hanao ireo zavatra ireo?"

**hanaovanao ireny zavatra ireny**

Ny teny hoe: "ireny zavatra ireny" dia maneho an'i Jesosy manjera ny latabatry ny mpivarotra ao an-tempoly sy maneho ny fitenenana manohitra ny fampianaran'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna. DH: " hanaovanao zavatra toy ireny nataonao omaly ireny"

**Mark 11:29****Lazao Amiko**

"Valio Aho"

**Ny batisan'i Jaona**

"Ny batisa izay nataon'i Jaona"

**avy any an-danitra va izany sa avy amin'ny olona**  
 "fahefana avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona"

**avy any an-danitra**

Eto ny "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra"

**avy amin'ny olona**

"avy amin'ny olombelona"

**Mark 11:31****Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra,'**

Afaka atao ihany koa hoe: "Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra izany'"

**avy any an-danitra**

Eto ny "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "avy amin'Andriamanitra"

**tsy nino azy**

Ny teny hoe: "izy" dia maneho an'i Jaona Mpanao batisa.

**Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona,'**

Afaka atao ihany koa hoe: "Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona izany'"

**Natahotra ny olona izy ireo**

Ny mpanoratra, Marka, dia manazava hoe nahoana ny mpitarika fivavahana no tsy te-hiteny fa avy amin'ny olona i Jaona Mpanao batisa. Afaka atao mazava tsara hoe: "Tsy te-hilaza izy ireo hoe avy amin'ny olona Jaona Mpanao batisa satria natahotra ny olona izy ireo"

**resy lahatra ny olon-drehetra**

"nino avokoa ny olona"

**Tsy hainay**

Afaka atao ihany koa hoe: "Tsy hainay hoe avy aiza i Jaona Mpanao batisa"





## Chapter 12

<sup>1</sup> Nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana Jesosy. Hoy Izy hoe: "Nisy lehilahy nanao tanim-boaloboka, nanisy fefy manodidina izany, ary nandavaka famiazana. Nanangana tilikambo izy ary avy eo nampanofa ilay tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka. Dia niala nandia lavitra izy avy eo." <sup>2</sup> Tamin'ny fotoana mety, dia naniraka mpanompo ho any amin'ilay mpamboly voaloboka izy mba haka amin'izy ireo ny sasany amin'ireo izay tokony ho anjarany amin'ny vokatr'ilay tanim-boaloboka. <sup>3</sup> Fa nosamborin'izy ireo izy, nokapohiny, ary noroahiny tsy hitondra na inona na inona. <sup>4</sup> Naniraka mpanompo hafa ho any amin'izy ireo indray izy, dia noratrain'izy ireo teo amin'ny lohany ary nalainy baraka. <sup>5</sup> Dia mbola nandefa hafa ihany izy, ary novonoin'izy ireo io iray io. Nataon'izy ireo tahaka izany ireo maro hafa, nokapohiny ny sasany ary novonoiny ireo hafa. <sup>6</sup> Mbola nanana olona iray hafa hirahina izy, dia zanaka malala. Izy no farany nalefany tany amin'izy ireo. Hoy izy hoe: "Mba hanaja ny zanako lahy izy ireo." <sup>7</sup> Nefa nifampiteny ireo mpamboly voaloboka hoe: "Inty ilay mpandova. Avia, andeha ho vonointsika izy, dia ho lasantsika ny lova." <sup>8</sup> Nosamborin'izy ireo izy, dia novonoiny, ary natsipiny tany ivelan'ny tanim-boaloboka. <sup>9</sup> Koa, inona ary no ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka? Ho avy izy ka handringana ireo mpamboly voaloboka ary hanome ny tanim-boaloboka ho an'ny hafa. <sup>10</sup> Tsy novakianareo angaha izao Soratra Masina izao? 'Ny vato izay nolavin'ny mpanorin-trano, no natao vato fehizoro. <sup>11</sup> Avy tamin'ny Tompo izany, ary dia mahagaga eo imasontsika." <sup>12</sup> Nitady ny hisamborana an'i Jesosy izy ireo, saingy natahotra ny vahoaka, satria fantatr'izy ireo fa hanoherana azy ireo no nitenenany izany fanoharana izany. Koa dia navelan'izy ireo Izy ary lasa nandeha izy ireo. <sup>13</sup> Dia naniraka ny Fariseo sy Herodiana sasany ho any Aminy mba hamandrika Azy amin'ny teny izy ireo. <sup>14</sup> Rehefa tonga izy ireo, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Mpampianatra ô, fantatray fa tsy miraharaha ny hevitra ny olona ianao, ary tsy maneho fiangarana eo amin'ny olona. Mampianatra marina ny lalan'Andriamanitra ianao. Ara-dalàna ve sa tsia ny mandoa hetra amin'i Kaisara? Tokony handoa hetra va izahay sa tsia?" <sup>15</sup> Fa fantatr'i Jesosy ny fiatsarambelatsihin'izy ireo ka niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitsapa Ahy? Itondray denaria iray Aho mba hijereko izany." <sup>16</sup> Dia nitondran'izy ireo vola iray Jesosy. Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Endrik'iza ity sary sy soratra ity?" Hoy izy ireo hoe: "An'i Kaisara." <sup>17</sup> Hoy Jesosy hoe: "Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara, ary omeo an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra." Dia talanjona taminy izy ireo. <sup>18</sup> Avy eo ireo Sadoso, izay milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tonga teo aminy. Nanontany Azy izy ireo, nanao hoe: <sup>19</sup> "Mpampianatra ô, nanoratra izao ho anay Mosesy hoe: 'Raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray ary namela vady izy, nefa tsy mba nanan-janaka, dia tokony manambady ilay vadin-dralahiny ilay lehilahy, ka hanana taranaka ho an'ny rahalahiny.'" <sup>20</sup> Nisy fito mirahalahy; nanambady ilay voalohany ary maty, tsy namela taranaka. <sup>21</sup> Avy eo naka azy ny faharoa dia maty, tsy namela taranaka, dia torak'izany koa ny fahatelo. <sup>22</sup> Tsy nisy namela taranaka izy fito. Ny farany indrindra, maty koa ilay ramatoa. <sup>23</sup> Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, rehefa hitsangana indray izy ireo, dia ho vadin'iza izy? Satria samy nanambady azy daholo izy fito mirahalahy." <sup>24</sup> Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy izany va no antony maha-diso hevitra anareo, satria tsy fantatrareo na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra?" <sup>25</sup> Satria rehefa mitsangana amin'ny maty izy ireo, dia tsy hanambady na hatolotra amin'ny fanambadiana, fa ho tahaka ny anjely any an-danitra. <sup>26</sup> Fa mahakasika ny amin'ny fitsanganana'ny tena amin'ny maty, tsy novakianareo va ny tao amin'ny bokin'i Mosesy, ao amin'ny andalana momba ilay voaroy, ny niresahan'Andriamanitra taminy ka nilazany hoe: 'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba?' <sup>27</sup> Izy dia tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona. Somary diso hevitra ianareo." <sup>28</sup> Nisy iray tamin'ireo mpanora-dalàna tany ary nandre ny resak'izy ireo; hitany fa novalian'i Jesosy tsara izy ireo. Ary nanontany Azy izy hoe: "Inona no didy lehibe indrindra amin'izy rehetra?" <sup>29</sup> Jesosy namaly hoe: "Ny lehibe indrindra dia ny hoe: 'Mihainoa, ny Tompo Andriamanitsika, ry Israely, iray ny Tompo.' <sup>30</sup> Tsy maintsy mitia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra ianao, amin'ny fanahinao rehetra, amin'ny sainao rehetra, sy amin'ny herinao rehetra.'" <sup>31</sup> Ity no didy faharoa: 'Tsy maintsy mitia ny namanao tahaka ny tenanao ianao.' Tsy misy didy hafa lehibe mihoatra noho ireo." <sup>32</sup> Hoy ilay mpanora-dalàna hoe: "Tsara izany, ry Mpampianatra! Voalazanao marina fa Andriamanitra dia Iray, ary tsy misy afa-tsy Izy." <sup>33</sup> Ary ny mitia azy amin'ny fo rehetra sy amin'ny saina rehetra sy ny hery rehetra, ary ny mitia ny namana tahaka ny tena, dia tsara lavitra mihoatra ny fanatitra dorana sy ny sorona rehetra." <sup>34</sup> Rehefa hitan'i Jesosy fa nanome valin-teny hendry Izy, dia niteny taminy Izy hoe: "Tsy lavitry ny fanjakan' Andriamanitra ianao." Ary taorian'izany, dia tsy nisy olona sahy nametraka fanontaniana tamin'i Jesosy intsony. <sup>35</sup> Namaly Jesosy, raha nampianatra tao amin'ny tempoly Izy; dia hoy Izy hoe: "Ahoana moa no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Kristy dia zanak'i Davida?" <sup>36</sup> Davida tenany, tamin'ny Fanahy Masina, nanao hoe: 'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe:

mipetraha eo an-tanana ankavanako, mandram-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.' <sup>37</sup> Davida tenany aza niantso Azy hoe 'Tampo,' koa ahoana no maha zanak'i Davida an'i Kristy?" Nihaino Azy tamimpifaliana ireo vahoaka maro be. <sup>38</sup> Tamin'ny fampianarany Jesosy dia niteny hoe: "Mitandrema amin'ireo mpanora-dalàna, izay tia mandehandeha amin'ny akanjo lava ary tian'izy ireo ny fiarahabana azon'izy ireo eny an-tsena <sup>39</sup> ary tian'izy ireo ny mahazo ny seza voalohany any amin'ny synagoga sy ny toerana voalohany any amin'ny fety. <sup>40</sup> Mandroba ny tranon'ireo mpitondra tena izy ireo, ary manao vavaka lava be mba ho hitan'ny olona. Ireo lehilahy ireo dia handray fanamelohana lehibe kokoa." <sup>41</sup> Avy eo Jesosy nipetraka nifanandrify ny vatan-drakitra tao amin'ny faritry ny tempoly; nijery ireo olona rehetra izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. Mpanankarena maro no nandatsaka vola be dia be tao. <sup>42</sup> Dia nisy vehivavy mahantra mpitondratena iray tonga nandrotsaka farantsakely roa, izay kely variroaenty oharina amin'ny iraimbilanja. <sup>43</sup> Dia nantsoiny ireo mpianany ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa ity vehivavy mahantra mitondratena ity no nandrotsaka betsaka mihoatra amin'ny olona izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. <sup>44</sup> Satria ny rehetra dia nanome tamin'ny fananam-ben'izy ireo. Fa ity mpitondratena ity kosa, tamin'ny fahantrany, dia nandrotsaka ny vola rehetra izay tokony hivelomany tao."

## Mark 12:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jesosy miteny izany fanoharana izany hanoherana ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona.

### Nanomboka nampianatra azy ireo Jesosy

Ny teny hoe: "izy ireo" eto dia maneho an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona izay noresahin'i Jesosy tao amin'ny toko teo aloha.

### nanisy fefy manodidina izany

Izy nanisy fefy nanodidina ny tanim-boaloboka. Mety ho fefy hazo, na rindrina vato izany.

### ary nandavaka famiazana

Izany dia midika fa nandavaka teo amin'ny vatolampy izy, izay famiazana voaloboka mba hahazoana ny ranony. DH: " nanamboatra fitehirizana izy mba hanangonana ny ranomboaloboka avy amin'ny famiazana"

### nampanofa ilay tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka

Izany dia midika fa ilay tompon'ilay tanim-boaloboka dia nifampiraharaha tamin'ny olon-kafa mba hikarakara ny voaloboka. Ilay mpamboly voaloboka dia hahazo anjara amin'ny vokatra ho karaman'ny asan'izy ireo.

### Tamin'ny fotoana mety

Izany dia maneho ny fotoam-bokatra. DH: "Rehefa tonga ny fotoana fiakaran'ny vokatra"

### Fa nosamborin'izy ireo izy

"Fa nosamborin'ireo mpamboly voaloboka ilay mpanompo"

### tsy hitondra na inona na inona

Izany dia midika fa tsy nanome voaloboka azy izy ireo. DH: "tsy nitondra na dia voaloboka iray aza"

## Mark 12:4

### Naniraka ho azy ireo

"ny tompon'ilay tanim-boaloboka nandefa tany amin'ireo mpamboly voaloboka"

### dia noratrain'izy ireo teo amin'ny lohany

Afaka atao mazava tsara hoe: "nokapohin'izy ireo teo amin'ny lohany izy, ary voaratran'izy ireo mafy izy"

### mbola nandefa hafa ihany izy ... ireo maro hafa

Ireo teny ireo dia maneho an'ireo mpanompo hafa. DH: "mbola nandefa mpanompo hafa ihany izy ... ireo mpanompo maro hafa"

### Nataon'izy ireo tahaka izany ireo maro hafa

Izany dia maneho an'ireo mpanompo izay nalefan'ilay tompony. Ny teny hoe: "tahaka izany" dia maneho ny fomba nitondrana azy ireo. DH: "Nataon'izy ireo toy izany koa ireo mpanompo maro hafa izay nalefany"

## Mark 12:6

### zanaka malala

Izany dia maneho ny zanak'ilay tompon-tany. DH: "ny zanany malalany"

### ily mpandova

Inty ilay mpandova an'ilay tompon-tany, izay handova ny tanim-boaloboka rehefa maty ny rainy. DH: "ny mpandova an'ilay tompon-tany"

### ny lova

Ireo mpamboly dia manao an'ilay tanim-boaloboka ho "lova." DH: "io tanim-boaloboka io"

## Mark 12:8

### Nosamborin'izy ireo izy

"Ireo mpamboly voaloboka nisambotra ilay zanaka"

**Koa, inona ary izany izao no ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka?**

Jesosy mametraka fanontaniana ary avy eo manome ny valiny mba hampianarana ny olona. DH: "Ka ho teneniko anareo izay ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka."

**Koa**

Jesosy dia mampiasa io teny io mba hanamarihana fiovana amin'ny fampianarany, raha nahavita niteny ny hevi-dehibe tamin'ny fanoharana Izy.

**handringana**  
"hamono"

**hanome ny tanim-boaloboka ho an'ny hafa**

Ny teny hoe: "ny hafa" dia maneho an'ireo mpamboly voaloboka hafa izay mikarakara ny tanim-boaloboka. DH: "homeny hokarakarain'ny mpamboly voaloboka hafa ny tanim-boaloboka."

## Mark 12:10

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Io soratra masina io dia efa voasoratra efa hatry ny ela tao amin'ny tenin'Andriamanitra.

**Tsy novakianareo angaha izao Soratra Masina izao?**

Jesosy dia mampatsiahy andinin'ny soratra masina amin'ny olona. Mampiasa fanontaniana izay tsy mila valiana Izy mba hibedesana azy ireo. DH: "Efa novakianareo tokoa io soratra masina io" na "Tokony ho tadidinareo io soratra masina io."

**no natao vato fehizoro**

Afaka atao hoe: "Ny Tompo no natao vato fehizoro"

**Avy tamin'ny Tompo izany**

"Ny Tompo no nanao izany"

**ary dia mahagaga eo imasontsika**

Eto ny "eo imasontsika" dia maneho ny fahitana, izay hevitra ambadiky ny fanehoan-kevitra. DH: "ary nahita izany izahay ary nieritreritra fa mahagaga izany" na "ary hitanay fa mahagaga izany"

**Nitady ny hisamborana an'i Jesosy izy ireo**

"Izy ireo" dia maneho an'ireo lohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona. Io vondrona io dia azo hilazana ireo "Mpitarika Jiosy"

**Nitady ny**

"te-"

**saingy natahotra ny vahoaka izy ireo**

Natahotra izay mety ho ataon'ny vahoaka izy ireo raha misambotra an'i Jesosy izy ireo. DH: "fa izy ireo dia natahotra izay mety ho ataon'ireo vahoaka azy ireo"

**fa hanoherana azy ireo**

"hiampangana azy ireo"

## Mark 12:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mba hamandrihana an'i Jesosy, ny sasany tamin'ireo Fariseo sy Herodiana, ary ireo Sadoseo, nankeo amin'i Jesosy sy nanontany.

**Dia naniraka izy ireo**

"Ary ireo Mpitarika Jiosy nandefa"

**mba hamandrika Azy**

Eto ny mpanoratra dia mamaritra ny famitahana an'i Jesosy ho "famandrihana Azy." DH: "mba hamitaka Azy"

**Rehefa tonga izy ireo, dia hoy izy ireo**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'ireo izay nalefa teo amin'ireo Fariseo sy ireo Herodiana.

**fantatray fa tsy miraharaha ny hevitra ny olona ianao**

Izany dia midika fa Jesosy dia tsy miraharaha. DH: "fantatray fa tsy miraharaha ny fahazoana ny sitraky ny olona ianao"

**Fa fantatr'i Jesosy ny fihatsaram-belatsihin'izy ireo**

Mihatsara-velatsihy izy ireo. DH: "Jesosy dia nahafantatra fa izy ireo dia tsy tena te-hahafantatra izay tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo" (UDB)

**Nahoana ianareo no mitsapa Ahy?**

Jesosy nibedy ireo Mpitarika Jiosy satria saika hamitaka Azy izy ireo. DH: "Fantatro fa te-hampiteny zavatra diso mba hahafahana miampangana Ahy ianareo."

#### **Izy ilay Izy**

Eto ny teny hoe: "ilay izy" dia maneho an'ilay lehilahy izay ho tondroin'i Jodasy. DH: "izy ilay iray izay tadiavinareo"

#### **ary nanoroka Azy izy**

"ary nanoroka Azy Jodasy"

### **Mark 14:47**

#### **nijoro teo**

"nijoro teo akaiky teo"

#### **Hoy Jesosy tamin'izy ireo**

"Hoy Jesosy tamin'ireo vahoaka"

#### **Avy hisambotra Ahy, toy ny hisambotra jiolahy, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy va ianareo?**

Jesosy dia nibedy an'ireo vahoaka. DH: "Tsy misy dikany ny fahatongavanareo hisambotra Ahy miaraka amin'ny sabatra sy langilangy toy izao, tahaka ny hoe mpangalatra Aho!"

#### **Fa natao izao mba**

"Fa niseho izao mba"

#### **ireo rehetra niaraka tamin'i Jesosy**

Izany dia maneho ireo mpianatra.

### **Mark 14:51**

#### **lamba hariry**

akanjo vita amin'ny kofehy hariry

#### **nitafy**

nasarona nanodidina Azy.

#### **Rehefa nosamborin'ny olona izy**

"Rehefa nosamborin'ny olona io lehilahy io"

#### **dia navelany teo ny lambany**

Raha mbola niezaka nandositra ilay lehilahy, dia nosamborin'ny hafa tamin'ny lambany, mba hanajanonana azy.

### **Mark 14:53**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanoloran'ny lohan'ny mpisorona, ny mpanora-dalàna, sy ny loholona an'i Jesosy tamin'ny mpisoronabe, Petera nijery teo akaiky teo raha mbola nanao fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra an'i Jesosy ny sasany.

#### **Niara-niangona taminy teo daholo ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "Ny lohandohan'ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna niara-niangona teo"

**Ary**

Io teny io dia manamarika fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara toy ny hoe: hanomboka hitantara izay momba an'i Petera amintsika izy.

**lavidavitra eny, hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe**

Raha mbola nanaraka an'i Jesosy Petera, dia nijanona tao amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe izy. DH: "ary nandeha lavitra hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe izy"

**Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izy**

Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izay niasa teo an-tokontany i Petera. DH: "Nipetraka teo an-tokontany teo amin'ireo mpiambina izy"

**Mark 14:55****Ary**

Io teny io dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara toy ny hoe manohy mitantara momba ny fanadihadiana an'i Jesosy.

**mamono Azy ho faty**

Tsy izy ireo irery no te-hamono an'i Jesosy; fa kosa hampamiraka olona hanao izany izy ireo. DH: "Mety hovanoin'izy ireo Jesosy" na "mety misy olona iray hampamonoan'izy ireo an'i Jesosy"

**Saingy tsy nahita izy ireo**

Tsy nahita vavolombelona hanohitra an'i Jesosy izy ireo mba hahafahan'izy ireo mandresy Azy sy mampamono Azy. DH: "Fa tsy nahita vavolombelona izay handresen'izy ireo lahatra azy izy ireo"

**niampanga lainga Azy**

Eto ny fiampangana lainga dia voafaritra ho zavatra mivaingana. DH: "miampanga Azy amin'ny fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra Azy"

**na ny fiampangan'izy ireo aza tsy nifanaraka akory**

Afaka atao hoe: "fa ny fijoroan'izy ireo vavolombelona dia nifanipaka"

**Mark 14:57****niampanga lainga Azy**

Eto ny fiampangana lainga dia voafaritra ho zavatra mivaingana. DH: "miampanga Azy amin'ny fijoroana vavolombelona tsy marina manohitra Azy"

**Renay Izy niteny hoe**

"Renay Jesosy niteny hoe." Ny hoe: "-nay" dia maneho an'ireo olona izay miampanga lainga an'i Jesosy ary tsy tafiditra ao anatin'izany ireo olona izay miresaka.

**natao tanana**

Eto ny hoe: "tanana" dia maneho ny lehilahy. DH: "nataon'ny lehilahy ... tsy misy fanampian'olona" na

"namboarin'ny lehilahy ... tsy misy fanampian'olona"

**ao anatin'ny telo andro**

Izany dia midika fa ho voatsangana ao anatin'ny telo andro ny tempoly.

**hanangana iray hafa**

"hanangana tempoly iray hafa"

**tsy nifanaraka**

nifanipaka

**Mark 14:60****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa namaly Jesosy fa Izy no Kristy, dia nanameloka Azy ho faty avokoa ny mpisoronabe sy ireo loholona teo.

**nijoro teo amin'izy ireo**

Jesosy nijoro teo afovoan'ireo vahoaka tezitra mba hiresaka amin'izy ireo. DH: "nijoro teo amin'ireo lohandohan'ny mpisorona, ireo mpanora-dalàna, ary ireo loholona"

**Tsy manan-kavaly va Ianao? Inona no hiampangan'ireto olona ireto Anao?**

Ny lohandohan'ny mpisorona dia tsy nanontany an'i Jesosy momba izay tenenin'ireo vavolombelona. Manontany an'i Jesosy izy mba hanaporofan'i Jesosy fa diso izay lazain'ireo vavolombelona ireo. DH: "Tsy hamaly va Ianao? Inona no havalinao an'izany fijoroana vavolombelona hanoheran'ireo olona ireo anao izany?"

**Zanak'Ilay voatahy?**

Eto Andriamanitra dia antsoina hoe: "Ilay voatahy." DH: "Zanak'Andriamanitra"

**eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra**

Eto ny "hery" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra, izay tena mahery tokoa"

**avy eny amin'ny rahon'ny lanitra**

Eto ny rahona dia voafaritra hoe manaraka an'i Jesosy rehefa hiverina Izy. DH: "rehefa hidina avy eny amin'ny rahona eny amin'ny lanitra izy"

**Mark 14:63****nandrovitra ny fitafiany**

Ny mpisoronabe nandrovitra am-panahiniana ireo fitafiany mba hampisehoana ny hatezerany sy horohorony amin'izay nolazain'i Jesosy. DH: "nandrovitra ireo akanjony tamim-pahatezerana"

**Mbola mila vavolombelona ihany va isika?**

Afaka atao hoe: "Tsy mila olona hafa hiampanga an'io lehilahy io intsony isika!"

**Efa renareo ny fitenenan-dratsy**

Izany dia maneho izay nolazain'i Jesosy, izay antsoin'ny mpisoronabe hoe fitenenan-dratsy. DH: "Efa renareo ny fitenenan-dratsy nolazainy"

**Izy rehetra ... Ny sasany nanomboka**

Ireo fehezanteny ireo dia maneho ny olona sasany amin'ireo vahoaka.

**nanarona ny tavany**

Nosaronan'izy ireo akanjo na tapi-maso mba tsy ho afaka hahita Izy. DH: "hanaronana ny tavany amin'ny tapi-maso"

**Maminania**

Naneso Azy izy ireo, niteny Azy mba haminany hoe iza no namely Azy. DH: "Maminania hoe iza no hamely Anao"

**ireo manam-boninahitra**

"ireo mpiambina"

**Mark 14:66****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tahaka ny faminanian'i Jesosy, Petera dia handà an'i Jesosy in-telo mialohan'ny maneno akoho.

**teo ambany teo an-kianja**

"tao ivelan'ny kianja"

**iray tamin'ireo mpanompo vavin'ny mpisoronabe**

Mpanompo vavy izay miasa ho an'ny mpisoronabe. DH: "iray tamin'ireo mpanompo vavy miasa ho an'ny mpisoronabe"

**nandà**

Izany dia midika fa mitaraina ny amin'ny tsy fahamarinan'ny zavatra iray. Amin'ity tranga ity,

Petera dia niteny fa diso izay nolazain'ilay mpanompo vavy momba azy.

**Tsy fantatro sady tsy azoko izay teneninao**

Ny "tsy fantatro" sy "tsy azoko" dia mitovy dika eto. Miverimberina ny dikan-teny eto mba hanampy ny fanamafisana izay lazain'i Petera. DH: "Tena tsy fantatro ny momba izay resahanao!"

**Mark 14:69****ilay ankizivavy**

Ilay mpanompo vavy izay nahafantatra an'i Petera ihany io

**iray amin'izy ireny**

Nahafantatra ny olona fa Petera dia iray amin'ny mpianatr'i Jesosy. DH: "iray amin'ny mpianatr'i Jesosy" na "iray amin'ireo izay niaraka tamin'ilay lehilahy nosamborin'izy ireo"

**Mark 14:71****nanozon-tena sy nianiana izy**

"niteny an'Andriamanitra mba hanozona ny tenany"

**Ary niaraka tamin'izany dia naneno ny akoho**

vorona izay maneno vao mangiran-dratsy.

**fanindroany**

laharana

**nalahelo mafy izy**

Io fomba fiteny io dia midika fa resin'ny alahelo tanteraka izy ary tsy nahatana ny fihetsem-pony. DH: "resin'alahelo tanteraka" na "tsy nahatana ny fihetsem-pony"

## Chapter 15

<sup>1</sup> Vao maraim-be, dia nivory ny mpisoronabe niaraka tamin'ireo loholona sy ireo mpanora-dalàna ary ny Synedriona Jiosy iray manontolo. Nofatoran'izy ireo Jesosy ary nentin'izy ireo nivoaka. Natolotr'izy ireo teo amin'i Pilato Izy. <sup>2</sup> Nanontany Azy Pilato hoe: "Ianao va no mpanjakan'ny jiosy?" Novaliany hoe: "Voalazanao." <sup>3</sup> Nanolotra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy ireo lohan'ny mpisorona. <sup>4</sup> Nanontany Azy indray Pilato hoe: "Tsy manome valin-teny va ianao? Jereo ny habetsaky ny fiampangana entin'izy ireo manohitra Anao!" <sup>5</sup> Fa tsy namaly an'i Pilato intsony Jesosy, dia nahagaga azy izany. <sup>6</sup> Ary tamin'ny andro firavoravoana, dia namotsotra gadra iray ho azy ireo foana Pilato, gadra izay angatahan'izy ireo. <sup>7</sup> Niaraka tamin' ireo mpikomy tao am-ponja, teo amin'ireo mpamono olona izay voatazona nohon'ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Barabasy. <sup>8</sup> Dia nankeo amin'i Pilato ny vahoaka ka nanomboka nangataka taminy mba hanao ho azy ireo araka ny fanaony tany aloha. <sup>9</sup> Pilato namaly azy ireo ka nanao hoe: "Tianareo va raha ny Mpanjakan'ny Jiosy no halefako ho anareo?" <sup>10</sup> Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy. <sup>11</sup> Fa nanentana ny vahoaka ireo lohan'ny mpisorona mba hihiaka mafy fa tokony ho Barabasy kosa no havotsotra. <sup>12</sup> Dia namaly azy ireo indray Pilato ka nanao hoe: "Inona ary izany no tokony ho ataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?" <sup>13</sup> Dia nihiakiaka indray izy ireo hoe: "Homboy Izy!" <sup>14</sup> Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Inona no ratsy nataony?" Fa nihiaka mafy hatrany hatrany izy ireo hoe: "Homboy Izy." <sup>15</sup> Te-hanao izay mahafa-po azy ireo Pilato, koa dia nafahany ho azy ireo Barabasy. Nokapohiny Jesosy ary avy eo natolony mba homboana. <sup>16</sup> Nentin'ireo miaramila ho eo an-kianja Izy (izay ivon-toeran'ny fanjakana), ary nantsoin'ireo avokoa ny antoko miaramila manontolo <sup>17</sup> Notafian'izy ireo lamba voloparasy Jesosy, ary nandrandrana fehiloaha tsilo izy ireo ka nametraka izany teo aminy. <sup>18</sup> Dia nanomboka niarahaba Azy izy ireo ary niteny hoe: "Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy!" <sup>19</sup> Nokapohin'izy ireo tamin'ny volotara ny lohany sady nandrora teo aminy. Dia nandohalika teo anatrehan'izy ireo mody nidera Azy. <sup>20</sup> Rehefa avy naneso Azy izy ireo, dia nesorin'izy ireo taminy indray ny lamba volomparasy ary nampitafian'izy ireo Azy ny fitafiany manokana, ary dia nentin'ireo nivoaka Izy mba hanomboana Azy. <sup>21</sup> Noteren'izy ireo ny mpandalo anankiray izay avy any an-tsaha mba hilanja ny hazofijalian'i Jesosy, lehilahy iray antsoina hoe Simona Kyreniana rain'i Aleksandra sy Rofosy. <sup>22</sup> Nentin'ireo miaramila tany amin'ny toerana atao hoe Gologota Jesosy (izay midika hoe "Toeran'ny karandoha"). <sup>23</sup> Nomen'izy ireo divay nifangaro miora Izy, fa tsy nisotro izany Izy. <sup>24</sup> Dia nohomboan'izy ireo Izy ary nifampizaran'izy ireo tamin'ny alalan'ny ankitsapaka ny fitafiany mba hahalalana izay ampahany raisin'ny miaramila tsirairay. <sup>25</sup> Tamin'ny ora fahatelo Izy no nohomboan'izy ireo. <sup>26</sup> Ary teo amin'ny takelaka hazo iray no nosoratan'izy ireo ny fiampangana nanohitra Azy hoe: "Mpanjakan'ny Jiosy." <sup>27</sup> Jiolahy roa no niaraka nohomboan'izy ireo taminy, ny iray teo ankavanany ary ny iray kosa teo ankaviany. <sup>28</sup><sup>[1]</sup><sup>29</sup> Ireo izay nandalo teo dia naniratsira Azy, nihifikifi-doha ary nanao hoe: "Aha! Ianao ilay afaka mandrava ny tempoly ary manorina izany ao anatin'ny telo andro, <sup>30</sup> vonjeo ny tenanao ary midina avy eo amin'io hazofijaliana io!" <sup>31</sup> Ny lohan'ny mpisorona koa dia naneso Azy tahaka izany, niaraka tamin'ireo mpanora- dalàna, ary niteny hoe: "Namonjy ny hafa Izy, nefa tsy mahavonjy ny tenany. <sup>32</sup> Aoka ilay kristy, ilay Mpanjakan'Israely, hidina avy eo amin'ny hazofijaliana, mba ho hitanay ary hinoanay," ary ireo nohomboana niaraka taminy koa dia naneso Azy. <sup>33</sup> Tamin'ny ora faha-enina, dia tonga teo amin'ny tany rehetra ny aizina hatramin'ny ora fahasivy. <sup>34</sup> Ary tamin'izany ora fahasivy izany dia nihiaka tamin'ny feo mahery Jesosy hoe: "Eloy, Eloy, lamà sabaktany?" izay midika hoe: "Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana ianao no nahafoy Ahy?" <sup>35</sup> Ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo nandre ny teniny ka niteny hoe: "Jereo, miantso an'i Elia Izy." <sup>36</sup> Nisy olona iray nihazakazaka, namonto divay marikivy ny sipaonjy, ary nandraikitra izany tamin'ny volotara, dia nanome izany ho sotroiny. Ilay lehilahy nilaza hoe: "Aoka ho hitanay raha ho avy ampidina Azy eo Elia." <sup>37</sup> Avy eo Jesosy nihiaka tamin'ny feo mafy dia maty. <sup>38</sup> Rovitra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany ny lamban'ny tempoly. <sup>39</sup> Rehefa hitan'ilay kapiteny izay nitsangana sy nifanatrika tamin'i Jesosy fa maty tamin'izany fomba izany Izy, dia hoy Izy hoe: "Tena Zanak'Andriamanitra marina tokoa io lehilahy io." <sup>40</sup> Dia nisy vehivavy koa nijery teny lavitra teny. Isan'izany Maria Magdalena, Maria (renin'i Jakobza zandriny sy Josey), ary Salome <sup>41</sup> Tamin'Izy tany Galilia dia nanaraka Azy sy nanompo Azy izy ireo. Ary vehivavy maro hafa koa no niara-niakatra taminy tany Jerosalema. <sup>42</sup> Koa rehefa tonga ny hariva, satria Andro Fiomanana, izany hoe, andro mialohan'ny Sabata io, <sup>43</sup> dia tonga teo Josefa avy any Arimatia. Mpikambana hajaina ao amin'ny Synedriona izy, izay niandry ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanam-pasahiana izy nankany amin'i Pilato hangataka ny fatin'i Jesosy. <sup>44</sup> Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; dia nantsoiny ilay kapiteny ary nanontany azy izy raha maty Jesosy. <sup>45</sup> Rehefa nahazo antoka tamin'ilay kapiteny izy fa maty Jesosy, dia nomeny an'i Josefa ny vatana mangatsiaka. <sup>46</sup> Ary Josefa nividy hariry

madinika. Nampidina an'i Jesosy teo amin'ny ny hazofijaliana izy, dia namono hariry madinika Azy, ary nametraka Azy tao amin'ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy. Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy. <sup>47</sup> Dia hitan'i Maria Magdalena sy Maria renin'i Josesy ny toerana nandevenana Azy.

## Footnotes

15:28 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ireo fandikana taloha tsara indrindra dia tsy manisy ny Marka 15: 28 hoe: "Dia tanteraka ny Soratra Masina manao hoe: 'Natao ho isan'ny mpanota Izy.' (Ampitahao ny Lioka 22:35)

## Mark 15:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Rehefa natolotry ny lohandohan'ny mpisorona, ny loholona, ny mpanora-dalàna, ary ny filan-kevitra an'i Pilato i Jesosy, dia tsy nanameloka Azy i Pilato. Na dia nitondra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy aza ny vahoaka, dia tsy namaly azy ireo izy.

### Nofatoran'izy ireo Jesosy ary nentin'izy ireo nivoaka

Izy ireo dia nandidy ny mba hamatorana an'i Jesosy, fa ireo mpiambina no namatotra Azy sy nitondra Azy nivoaka. DH: "nandidy ireo mpiambina izy ireo mba hamatotra an'i Jesosy sy hitondra Azy mivoaka"

### Natolotr'izy ireo teo amin'i Pilato Izy

Natolotr'izy ireo ho eo ambany fahefan'i Pilato i Jesosy.

### Voalazanao

Afaka atao hoe: "Efa izany voalazanao izany Aho"

### Nanolotra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy

"niampanga an'i Jesosy tamin'ny zavatra ratsy maro"

## Mark 15:4

### Nanontany Azy indray Pilato hoe

"Nanontany an'i Jesosy indray Pilato hoe"

### Tsy manome valin-teny va Ianao

Afaka atao hoe: "Manana valin-teny va Ianao"

### Jereo ny habetsaky ny fiampangana entin'izy ireo manohitra Anao!

Afaka atao hoe: "Mitondra fiampangana maro manohitra Anao izy ireo!"

### Jereo

"Henoy." Io dia teny ampiasaina mba hisarihana an'i Jesosy amin'ireo fiampangana manohitra Azy.

### nahagaga azy izany

Gaga i Pilato fa tsy namaly i Jesosy mba ho fiarovana ny tenany.

## Mark 15:6

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Pilato, nanantena fa hisafidy an'i Jesosy ny vahoaka, dia nanolo-kevitra hamoaka gadra iray, kanefa Barabasy no nangatahan'ireo vahoaka.

### Ary

Io teny io dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana kely amin'ny fizotran'ny tantara raha hamadika ny tantara ho any amin'i Pilato ny mpanoratra hilaza fampahafantarana momba ny fombafomban'i Pilato amin'ny famoahana gadra iray amin'ny fety sy momba an'i Barabasy.

### Niaraka tamin'ireo mpikomy tao am-ponja, teo amin'ireo mpamono olona izay voatazona nohon'ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Barabasy

"Tamin'io fotoana io dia nisy lehilahy iray antsoina hoe: Barabasy, izay nigadra niaraka tamin'ny lehilahy hafa. Nanao vono olona izy ireo rehefa niady tamin'ny governemanta Romana"

### hanao ho azy ireo araka ny fanaony tany aloha

Izany dia maneho an'i Pilato manafaka gadra amin'ny andro fety. DH: "hanafaka gadra iray ho azy ireo toy izay fanaony taloha"

## Mark 15:9

### Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy

Io dia fampahafantarana manodidina ny antony nanolorana an'i Jesosy tamin'i Pilato.

### fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy

Nialona an'i Jesosy izy ireo, mety hoe satria maro ny olona nanaraka Azy sy tonga mpianany. DH: "ireo lohandohan'ny mpisorona dia nialona an'i Jesosy. Izany no antony nahatonga azy ireo" na "ireo lohandohan'ny mpisorona dia nialona ny lazan'i Jesosy teo amin'ny vahoaka. Izany no antony nahatonga azy ireo"

### nanentana ny vahoaka

Ny mpanoratra dia miresaka momba ny lohandohan'ny mpisorona manentana ny vahoaka.

**havotsotra**

"tokony ho Barabasy kosa no havotsotra fa tsy Jesosy"

**Mark 15:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny vahoaka dia nangataka ny fahafatesan'i Jesosy ka naverin'i Pilato tamin'ireo miaramila izay naneso Azy Izy, satrohy amin'ny fehiloaha tsilo Izy, kapohy Izy, ary ento mivoaka ary fantsiho amin'ny hazofijaliana.

**Inona ary izany no tokony ho ataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?**

Pilato dia nanontany izay tokony ataony amin'i Jesosy raha hanafaka an'i Barabasy ho azy ireo izy. Izany dia tombatomban-tranga. DH: "Raha alefako Barabasy, dia inona no hataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy"

**Mark 15:14****Hoy Pilato tamin'izy ireo**

"Hoy Pilato tamin'ireo vahoaka"

**izay mahafa-po**

"izay mahafaly"

**Nokapohiny Jesosy**

Tsy i Pilato no nikapoka an'i Jesosy eto fa ireo miaramilany no nanao izany.

**Nokapohiny**

Izany dia midika hoe: kapoka maharary.

**nanolotra Azy mba homboana**

Pilato niteny tamin'ireo miaramilany mba haka an'i Jesosy hivoaka sy hamantsika Azy amin'ny hazofijaliana.

**Mark 15:16****ho ao amin'ny tonkotanin'ny kianja Izy (izay ivon-toeran'ny fanjakana)**

Ao amin'ny fitoeran'ireo miaramila Romana, ary fitoeran'ny governora rehefa ao Jerosalema izy. DH: "ho ao amin'ny tokontanin'ny kianja fitoeran'ny miaramila Izy" na "ho ao amin'ny tokontanin'ny kianjan'ny governora"

**ny antoko miaramila manontolo**

"ny vondrona miaramila rehetra"

**Notafin'izy ireo lamba voloparasy Jesosy**

Ny voloparasy dia loko hanaovan'ny mpanjaka. Ireo miaramila dia tsy nino fa Jesosy dia mpanjaka. Notafin'izy ireo tahaka izany Izy mba hanesoana Azy satria ny hafa dia miteny fa Mpanjakan'ny Jiosy Izy.

**fehiloaha tsilo**

"satro-boninahitra vita tamin'ny tsilo"

**Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy**

Ny fiarahabana miaraka amin'ny fananganana tanana dia fomba fiarahabana ny Emperora Romana ihany. Ireo miaramila dia tsy nino fa Jesosy dia mpanjakan'ny Jiosy. Fa kosa niteny izany izy ireo mba hanesoana Azy.

**Mark 15:19****volotara**

"hazokely" na "tehina"

**Noteren'izy ireo ny mpandalo anankiray ... hilanja ny hazofijalian'i Jesosy**

Araka ny lalàna Romana, ny miaramila iray dia afaka manery lehilahy iray eny an-dalana hilanja entana. Amin'ity tranga ity, dia Simona no noteren'izy ireo hilanja ny hazofijalian'i Jesosy.

**avy any an-tsaha**

"avy any ivelan'ny tanàna"

**lehilahy iray antsoina hoe Simona Kyreniana rain'i Aleksandra sy Rofosy**

Fampahafantarana kely momba ilay mpandalo.

**Simona Kyreniana ... Aleksandra ... Rofosy**

Anarana lehilahy ireo.

**Mark 15:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireo miaramila nitondra an'i Jesosy nankany Golgota toerana izay hamantsihana Azy miaraka amin'ny olona roa hafa. Olona maro no naneso Azy.

**Toeran'ny karandoha**

Anaran'ilay toerana io. Izany akory tsy midika fa feno karandoha any.

**karandoha**

taolan-doha

**ireo divay nifangaro miora**

DH: "divay mifangaro fanafody mampitony fanaintainana antsoina hoe: miora"

**Mark 15:25****Tamin'ny ora fahatelo**

"Fahatelo" dia laharana. Izany dia maneho ny amin'ny sivy ora maraina. DH: "amin'ny sivy ora katroka amin'ny maraina"

**Ary teo amin'ny takelaka hazo iray**

Ireo miaramila nametaka io soratra io teo ambonin'ny hazofijalian'i Jesosy. DH: "Izy ireo nametaka soratra teo amin'ny hazofijaliana teo ambonin'ny lohan'i Jesosy"

**Jiolahy**

"mpangalatra mitam-piadiana"

ny iray teo ankavanany ary ny iray kosa teo ankaviany  
Afaka atao hoe: "ny iray teo ankavanany ny  
hazofijaliany ary ny iray kosa teo ankavian'ny  
hazofijaliany"

### Mark 15:29

#### nihihikifi-doha

Fihetsika ataon'ny olona rehefa mandà na tsy  
mankato.

Aha!

Feo maneho fanesoana.

**Ianao ilay afaka mandrava ny tempoly ary manorina  
izany ao anatin'ny telo andro**

Ny olona dia miresaka momba ny faminaniana teo  
aloha izay ho ataon'i Jesosy. DH: "Ianao izay nilaza  
fa afaka mandrava ny tempoly ary manorina izany  
ao anatin'ny telo andro"

### Mark 15:31

#### tahaka izany

Izany dia maneho ny fomba nanesoan'ireo olona  
izay miaraka mandeha amin'i Jesosy eny an-dalana.

#### naneso Azy, niaraka tamin'ireo

"izy ireo dia nifampilaza eso-teny momba an'i  
Jesosy"

#### Mpanjakan'Israely

Anarana hafa ho an'i Jesosy.

#### hinoanay

Izany dia midika hoe mino an'i Jesosy. DH: "mino  
Azy"

#### naneso

"nanaraby" na "niteny ratsy"

### Mark 15:33

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tamin'ny mitataovovonana dia rakotra haizina ny  
tany iray manontolo mandra-pahatongan'ny  
tamin'ny telo katroka rehefa nihiaka tamin'ny feo  
mamy Jesosy ary maty, ary nitriatra hatreny ambony  
ka hatrany ambany ny lamban'ny tempoly.

#### Tamin'ny ora faha-enina

Tamin'ny 12 atoandro.

#### tonga teo amin'ny tany rehetra ny haizina

Eto ny mpanoratra dia mamaritra fa niha-maizina  
ny tany ivelany tahaka ny hoe nisy onjan-  
dranomasina nanaloka ny tany. DH: "niha-maizina  
ny tany rehetra"

#### tamin'ny ora fahasivy

Izany dia maneho ny amin'ny telo katroka amin'ny  
hariva. DH: "Tamin'ny telo hariva katroka"

#### Eloy, Eloy, lamà sabaktany

Teny Aramaika ireo teny ireo izay tokony adika  
amin'ny fitenim-paritrao fa mitovitovy ny feo.

#### Ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo nandre ny teniny ka niteny hoe

Afaka soratana mazava tsara fa tsy azon'izy ireo  
izay nolazain'i Jesosy. DH: "Rehefa nandre izany ny  
sasany tamin'ireo izay nitsangana teo, dia tsy  
nahafantatra ary niteny hoe: "

### Mark 15:36

#### divay marikivy

"vinaigitra"

#### volotara

"hazokely" na "tehina vita amin'ny volotara"

#### nanome izany

"nanome izany an'i Jesosy." Ilay lehilahy dia  
nanolotra izany tamin'ny tehina mba hahafahan'i  
Jesosy misotro ny divay amin'ilay spaonjy. DH:  
"nanolotra izany an'i Jesosy"

#### Rovitra nizara roa

Marka dia mampiseho fa Andriamanitra mihitsy no  
nandrovitra ny lamban'ny tempoly. Afaka atao hoe:  
"Andriamanitra nampizara roa ny lamban'ny  
tempoly"

### Mark 15:39

#### kapiteny

kapiteny izay miandraikitra ireo miaramila  
namantsika an'i Jesosy tamin'ny hazofijaliana.

#### fa maty tamin'izany fomba izany Izy

"ny fomba nahafatesan'i Jesosy"

#### Zanak'Andriamanitra

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

#### nijery teny lavitra teny

"nijery avy lavitra"

#### Jakoba zandriny

Natao hoe Jakoba zandriny izy mba hanavahana azy  
amin'ilay lehilahy hafa antsoina hoe Jakoba.

#### Josesy

Tsy ilay Josesy rahalahin'i Jesosy io.

#### Salome

Anaran'ilay vehivavy.

#### Tamin'Izy tany Galilia dia nanaraka Azy ... taminy tany Jerosalema

"Tamin'i Jesosy tao Galilia ireo vehivavy ireo dia  
nanaraka Azy ... niaraka taminy tany Jerosalema."  
Io dia fampahafantarana fohifohy momba ilay  
vehivavy izay nijery ny famantsihana teny alavitra.



**niara-niakatra taminy tany Jerosalema**

Jerosalema dia avo kokoa nohon'ny ankamaroan'ny toerana ao Israely, ka tsy mahagaga raha miresaka hoe hiakatra sy hidina any Jerosalema ny olona.

**Mark 15:42****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Josefan'i Arimatea nangataka ny vata-mangatsiakan'i Jesoa, izay nofonosiny tamin'ny lamba hariry ary naleviny tao am-pasana.

**rehefa tonga ny hariva**

Eto ny hariva dia resahina toy ny hoe afaka mifindrafindra toerana. DH: "rehefa hariva ny andro"

**Josefa avy any Arimatia. Mpikambana hajaina**

Ny teny hoe: "tonga teo" dia maneho an'i Josefa tonga eo amin'i Pilato, izay manolotra fampahafantarana fohifohy momba an'i Josefa. Nosoratana mialoha ny hoe: "tonga teo" mba hampidirana azy ao anatin'ny tantara.

**Mpikambana hajaina ao amin'ny Synedriona izy, izay niandry ny Fanjakan'Andriamanitra**

Fampahafantarana fohifohy momba an'i Josefa.

**nankany amin'i Pilato**

"nankany amin'izay nisy an'i Pilato"

**hangataka ny fatin'i Jesosy**

Raha tsy aleviny amin'io hariva io Jesosy dia tsy maintsy miandry mandra-pahatapitry ny Sabata izy satria ny lalàna dia tsy mamela an'iza na iza hiasa amin'ny Sabata. DH: "nangataka ny fatin'i Jesosy mba ho aleviny eo no ho eo dieny mbola fotoan'ny fiomanana ny andro"

**Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; dia nantsoiny ilay kapiteny**

Pilato nandre ny olona niteny fa maty Jesosy. Nahagaga azy izany, ka nanontany ny kapiteny izy raha marina izany. DH: "Pilato dia gaga rehefa nandre fa Jesosy dia maty sahady, ka niantso ny kapiteny izy"

**Mark 15:45****Rehefa nahazo antoka izy**

"Rehefa nahazo antoka i Pilato"

**nomeny an'i Josefa ny vatana mangatsiaka**

"namela an'i Josefa haka ny vatana mangatsiakan'i Jesosy izy"

**hariry**

Lamba vita amin'ny hariry.

**Nampidina an'i Jesosy izy ... Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy**

Josefa dia nampian'ny olona hafa nampidina an'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana, nikarakara Azy ho alefa ao am-pasana, ary nanidy ny fasana. DH: "Nampidina Azy Josefa sy ireo olon-kafa ... Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy ireo"

**ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy**

Afaka atao hoe: "fasana izay efa nolavahan'olona iray tamin'ny vatolampy tany aloha"

**nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy**

"vato fisaka goavambe manoloana ny"

**Josesy**

Tsy i Josesy zandrin'i Jesosy io.

**ny toerana nandevenana Azy**

"ny toerana nandevenan'i Josefa sy ireo hafa ny vata mangatsiakan'i Jesosy"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata, dia nividy zava-manitra hosorana amin'ny fatin'i Jesosy i Maria Magdalena sy Maria renin'i Jakoba, ary Salome nividy hanitra mba handeha ary hanosotra ny fatin'i Jesosy. <sup>2</sup> Vao maraim-be tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nankeny amin'ny fasana izy ireo rehefa niposaka ny masoandro. <sup>3</sup> Dia nifampiteny izy ireo hoe: "Iza no hanakodia ny vato eo amin'ny varavaram-pasana ho antsika?" <sup>4</sup> Rehefa nitraka izy ireo, dia hitany fa efa voakodia niala ilay vato, izay tena lehibe tokoa. <sup>5</sup> Niditra tao am-pasana izy ireo dia nahita zatovolahy niakanjo fotsy, nipetraka teo ankavanana, ary dia gaga izy ireo. <sup>6</sup> Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra. Mitady an'i Jesosy ianareo, ilay Nazarena, izay nombohana. Nitsangana Izy! Tsy eto Izy. Jereo ny toerana izay nametrahany izy ireo Azy. <sup>7</sup> Fa mandehana, lazao ireo mpianany sy Petera fa hialoha lalana anareo any Galilia Izy. Any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo." <sup>8</sup> Nivoaka izy ireo ka nihazakazaka niala ny fasana; nangovitry sy talanjona izy ireo. Tsy nilaza na inona na inona tamin'ny olona izy ireo satria tena natahotra mafy. <sup>9</sup><sup>[1]</sup> Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, taorian'ny nitsanganany, dia niseho tamin'i Maria Magdalena aloha Izy, ilay nandroahany demonia fito. <sup>10</sup> Dia lasa Maria ary nilaza ny vaovao tamin'ireo niaraka tamin'i Jesosy, raha mbola nisaona sy nitomany izy ireo. <sup>11</sup> Ren'izy ireo fa velona Izy ary nahita Azy izy, saingy tsy nino izy ireo. <sup>12</sup><sup>[2]</sup> Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo, raha nandeha ho any an-tanàna izy ireo. <sup>13</sup> Dia lasa izy ireo ary nilaza tamin'ireo mpianatra sisa, saingy tsy nino izy ireo. <sup>14</sup><sup>[3]</sup> Taoriana kely dia niseho tamin'ny iraka ambiny folo lahy Jesosy raha mbola teo am-pisakafoana izy ireo, ary niteny mafy azy ireo Izy nohon'ny tsy finoana sy hamafin'ny fon'izy ireo, satria tsy nino ireo izay nahita Azy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty izy ireo. <sup>15</sup> Ary hoy Izy tamin'ireo hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao, ary torio amin'ny olona rehetra ny Filazantsara. <sup>16</sup> Izay mino sy atao batisa no ho vonjena, ary izay tsy mino kosa dia ho helohina. <sup>17</sup><sup>[4]</sup> Ireto famantarana ireto dia hanaraka ireo izay mino: Amin'ny anarako no hamoahan'izy ireo demonia. Hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo. <sup>18</sup> Handray menarana amin'ny tanana izy ireo, ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Hametra-tanana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." <sup>19</sup><sup>[5]</sup> Rehefa avy niresaka tamin'izy ireo ny Tompo, dia nampiakarina ho any andanitra Izy ary nipetraka eo an-tanana ankavanana' Andriamanitra. <sup>20</sup> Dia lasa ireo mpianatra nitory teny rehetra teny, ary ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo ary nanamafy ny teny tamin'ny alalan'ny famantarana izay niaraka tamin'izy ireo.

### Footnotes

- 16:9 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka: 16:9-20  
 16:12 <sup>[2]</sup>Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:14 <sup>[3]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:17 <sup>[4]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20  
 16:19 <sup>[5]</sup>Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20

### Mark 16:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, nisy vehivavy maromaro tonga vao mangiran-dratsy satria saika hanosotra zava-manitra amin'ny vatan'i Jesosy izy ireo. Gaga izy ireo fa nahita zatovolahy izay niteny fa velona i Jesosy, kanefa natahotra izy ireo ary tsy niteny an'iza na iza.

#### Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata

Izany hoe, rehefa niposaka tamin'ny andro fahafito ny masoandro ary nanomboka ny andro voalohany amin'ny herinandro.

### Mark 16:3

#### efa voakodia niala ilay vato

Afaka atao hoe: "nisy olona iray nanakodia ny vato"

### Mark 16:5

#### Nitsangana Izy!

Ilay anjely dia maneho fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy. DH: "Efa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy" na "Efa nanangana ny tenany tamin'ny maty Izy!"

**Mark 16:8****ny fasana**

toerana fandevenana ny maty

**talanjona**

gaga

**Mark 16:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy no niseho voalohany tamin'i Maria Magdalena, izay niteny tamin'ireo mpianatra, avy eo dia niseho tamin'ireo hafa raha mbola nandeha teny an-tanàna iny izy ireo, ary avy eo niseho tamin'ireo mpianatra iraka ambin'ny folo.

**andro voalohan'ny herinandro**

"tamin'ny andro alahady"

**Ren'izy ireo**

"Nandre an'i Maria Magdalena niteny izy ireo hoe"

**Mark 16:12****Jesosy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo**

Jesosy ilay olona izay hitan'ny "roa tamin'izy ireo," fa tsy mitovy amin'i Jesosy no hitan'izy ireo, ka tsy nahafantatra izy ireo hoe Jesosy io hitany io.

**roa tamin'izy ireo**

roa "tamin'ireo izay niaraka taminy"

**fa tsy nino izy ireo**

Tsy nino izay nolazain'ireo anankiroa nandeha tao amin'ny tanàna ny ambin'ireo mpianatra.

**Mark 16:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nifankahita tamin'ireo iraka ambin'ny folo Jesosy, dia nibedy azy ireo tamin'ny tsy finoan'izy ireo ary niteny tamin'izy ireo mba handeha eran'izao tontolo izao ka hitory ny filazantsara.

**ny iraka ambin'ny folo**

Ireo mpianatra iraka ambin'ny folo tavela rehefa lasa Jodasy.

**hamafin'ny fo**

Jesosy dia nibedy ireo mpianatra satria tsy nino Azy izy ireo. DH: "nandà ny hino"

**izao tontolo rehetra izao**

Eto ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia maneho ny olon-drehetra eran-tany. DH: "Mandehana any amin'izay rehetra misy olona"

**Izay mino sy atao batisa no ho vonjena**

Ny teny hoe: "Izay" dia maneho ny olon-drehetra. DH: "Andriamanitra dia hamonjy ny olon-drehetra izay mino sy hamela anao hanao batisa azy ireo"

**izay tsy mino kosa dia ho helohina**

Ny teny hoe: "izay" dia maneho ny olon-drehetra. DH: "Andriamanitra dia hanameloka ny olon-drehetra izay tsy mino"

**Mark 16:17****Ireto famantarana ireto dia hanaraka ireo izay mino**

Marka dia miresaka ireo fahagagana toy ny hoe izy ireo no olona handeha hiaraka amin'ireo mpino. DH: "Ireo olona mijery ireo izay mino dia hahita ireo zavatra ireo hiseho ary hahafantatra fa Izaho dia miaraka amin'ireo izay mino"

**Amin'ny anarako no hanoahany izy ireo**

Ny mety ho dikany hafa: 1) Jesosy dia manome lisitra amin'ny ankapobeny: "Amin'ny anarako no hanaovan'izy ireo zavatra toy izany: Izy ireo dia" na 2) Jesosy dia hanome lisitra mazava: "Ireo zavatra ireo dia ho ataon'izy ireo amin'ny anarako: Izy ireo dia."

**Amin'ny anarako**

Eto ny hoe: "anarana" dia mifandray amin'ny fahefana sy herin'i Jesosy. DH: "Amin'ny alalan'ny fahefan'ny anarako" na "Amin'ny alalan'ny herin'ny anarako"

**Mark 16:19****nampiakarina ho any an-danitra Izy ary nipetraka**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra naka Azy ho any an-danitra, ary Izy nipetraka"

**eo antanan-kavanan' Andriamanitra**

"any amin'izay hipetrahan'ilay iray izay nomen'Andriamanitra ny voninahitra sy ny hery lehibe indrindra"

**nanamafy ny teny**

"nampiseho fa ireo teniny, izay tenenin'izy ireo, dia marina"



## Book: Luke

### Luke

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Maro ireo niezaka nanoratra tantara mahakasika ireo zava-nitranga izay tanteraka teto amintsika, <sup>2</sup> araka izay efa nanoloran'izy ireo azy tamintsika, izay efa vavolombelona nanatri-maso sy mpanompon'ny teny hatrany am-piandohana. <sup>3</sup> Ary amiko ihany koa dia toa mety - rehefa nanadihady tsara ny fandehan'ny zavatra rehetra hatramin'ny voalohany - ny hanoratra tatitra araka ny filaharany ho anao, ry Teofilo mendrika indrindra. <sup>4</sup> Izany dia mba hahalalanao ny marina momba ireo zavatra izay nampianarina anao. <sup>5</sup> Tamin'ny andron'i Heroda, mpanjakan'ny Jodia, dia nisy iray tamin'ny mpisorona antsoina hoe Zakaria, avy amin'ny antokon'i Abia. Ny vadiny dia avy amin'ny zanaka vavin'i Arona, ary ny anarany dia Elizabeta. <sup>6</sup> Samy marina teo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, ary nankatoa ireo didy rehetra sy ireo fitsipiky ny Tompo. <sup>7</sup> Fa tsy nanan-janaka anefa izy ireo, satria momba Elizabeta, ary samy efa tena antitra ihany koa izy roa ireo tamin'izany fotoana izany. <sup>8</sup> Ary izany dia mahakasika an'i Zakaria teo fanatrehan'Andriamanitra, nanatanteraka ireo asan'ny fisoronana araka ny fifandimbiasan'ny isan-tokony. <sup>9</sup> Araka ny fomba fanaon'izy ireo ny amin'ny fisafidianana mpisorona izay tokony hanompo, dia voafidin'ny kodia kely hiditra handoro ny emboka manitra ao an-tempolin'ny Tompo izy. <sup>10</sup> Tamin'ny ora nandoroana ny emboka manitra dia nivavaka teny ivelany ny vahoaka rehetra. <sup>11</sup> Ary nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy ary nitsangana teo ankavanana'ny alitara nisy ny emboka manitra. <sup>12</sup> Rehefa nahita azy i Zakaria, dia raiki-tahotra ary heniky ny tahotra izy. <sup>13</sup> Fa hoy ny anjely taminy: "Aza matahotra, ry Zakaria, efa nohenoina ny vavakao. Hitoe-jaza lahy aminao Elizabeta vadinao. Jaona no ho ataonareo anarany. <sup>14</sup> Hanam-pifaliana sy haravoana ianao, ary maro koa no ho faly amin'ny fahaterahany. <sup>15</sup> Satria ho lehibe izy eo imaso'ny Tompo. Tsy hisotro divay na zava-pisotro mahery mihitsy izy, ary ho feno ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny izy. <sup>16</sup> Maro amin'ny vahoakan'Israely no hitodika amin'ny Tompo Andriamanitr'izy ireo. <sup>17</sup> Handeha eo alohan'ny tavan'ny Tompo amin'ny fanahy sy ny herin'Elia izy. Izany no ataony dia ny mba hitodihan'ny fon'ny ray amin'ny zanaka, mba handehanan'ireo izay tsy mankatoa amin'ny lalan'ny fahendren'ny marina - mba hanomanana vahoaka efa vonona ho an'ny Tompo nohomanina ho Azy." <sup>18</sup> Ary Zakaria niteny tamin'ilay anjely hoe: "Ahoana no ahalalako izany? Fa izaho efa anti-dahy ary ny vadiko dia tena efa antitra." <sup>19</sup> Ary hoy ny anjely namaly sy niteny taminy: "Izaho no Gabriela, ilay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra. Ary voairaka aho mba hilaza aminao, hitondra izao vaovao tsara izao aminao. <sup>20</sup> Koa indro! Ho moana ianao, ka tsy afaka hiteny, mandra-piavin'ny andro hisehoan'ireo zavatra ireo. Satria tsy nino ny teniko ianao, izay ho tanteraka amin'ny fotoana voafaritra." <sup>21</sup> Ary ny vahoaka sasa-niandry an'i Zakaria. Gaga nohon'ny fijanonany maharitra tao an-tempoly izy ireo. <sup>22</sup> Fa rehefa nivoaka izy, dia tsy afaka niresaka tamin'izy ireo. Ary fantatr'ireo fa nahita fahitana izy tamin'ny tao an-tempoly. Nanao baiko moana tamin'ireo izy ary nijanona ho moana. <sup>23</sup> Ary rehefa tonga ny andro ahataperan'ny fanompoany, dia lasa nody tany an-tranony izy. <sup>24</sup> Taorinan'ireo andro ireo, dia nitoe-jaza Elizabeta ary niafina nandritry ny dimy volana. Hoy izy hoe: <sup>25</sup> "Izao no nataon'ny Tompo ho ahy rehefa nitsinjo ahy Izy mba hanala ny henatro eo anatrehan'ny olona." <sup>26</sup> Teo amin'ny faha enim-bolana, dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela nankany amin'ny tanàna iray tao Galilia antsoina hoe Nazareta, <sup>27</sup> ho any amina virjiny iray izay fofom-badina lehilahy antsoina hoe Josefa. Anisan'ny taranak'i Davida izy, ary ny anaran'ilay virjiny dia Maria. <sup>28</sup> Nankeo aminy izy ary niteny hoe: "Arahaba, ry ilay nohasoavina indrindra! Ny Tompo ho ao aminao." <sup>29</sup> Fa tena very hevitra tamin'ny teniny izy nanotany tena hoe karazana fiarahabana toy ny inona izany. <sup>30</sup> Hoy ny anjely taminy: "Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita sitraka tamin'Andriamanitra ianao. <sup>31</sup> Indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy. Ary ny anarany ho antsoinao hoe 'Jesosy.' <sup>32</sup> Ho lehibe Izy ary ho antsoina hoe Zanaky ny Avo Indrindra. Ny Tompo Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan'i Davida razambeny. <sup>33</sup> Ary hanjaka mandrakizay amin'ny taranak'i Jakoba izy, ary tsy hanam-pahataperana ny fanjakany." <sup>34</sup> Hoy Maria tamin'ilay anjely: "Ahoana no hisehoan'izany, fa mbola tsy niara-nandry tamina lehilahy aho?" <sup>35</sup> Ny anjely namaly sy niteny taminy hoe: "Hirotsaka aminao ny Fanahy Masina, ary ny herin'ny Avo Indrindra no ho avy aminao. Ka ilay masina ho teraka dia ho antsoina hoe Zanak'Andriamanitra. <sup>36</sup> Indro, Elizabeta havanao dia nitoe-jaza lahy ihany koa na dia tamin'ny fahanterany aza. Efa faha enim-bolana ny azy izao, izy ilay nantsoina hoe momba. <sup>37</sup> Satria tsy misy zavatra tsy ho azo tanterahana amin'Andriamanitra." <sup>38</sup> Hoy i Maria: "Indro,

izaho no mpanompovavin'ny Tompo. Aoka ho tanteraka amiko izany araka ny hafatrao." Ary niala teo aminy ny anjely. <sup>39</sup> Ary tamin'izany andro izany i Maria dia niainga ka nandeha faingana nankany amin'ny tany avo, any amin'ny tanànan'i Jodia. <sup>40</sup> Nankany amin'ny tranon'i Zakaria izy ary niarahaba an'i Elizabeta. <sup>41</sup> Ary nony naheno ny fiarahaban'i Maria i Elizabeta, dia nibitaka ny zaza tao an-kibony, ary feno ny Fanahy Masina Elizabeta. <sup>42</sup> Nanandram-peo sy niteny mafy izy hoe: "Nosoavina noho ny vehivavy rehetra ianao, ary nosoavina ny nateraky ny kibonao. <sup>43</sup> Nahoana izany no mitranga amiko fa ilay renin'ny Tompoko no tonga hanatona ahy? <sup>44</sup> Fa indro, rehefa tonga teo an-tsofiko ny fiarahabanao, dia nientan-kafaliana ny zaza ato an-kiboko. <sup>45</sup> Sambatra izy izay nino fa ho tanteraka ireo zavatra izay nolazain'ny Tompo taminy." <sup>46</sup> Hoy i Maria: "Midera ny Tompo ny fanahiko, <sup>47</sup> ary ny fanahiko nifaly tao amin'Andriamanitra mpamonjiko. <sup>48</sup> Fa nijery ny fahantran'ny mpanompo vaviny Izy. Ary indro, manomboka izao ny taranaka rehetra hiantso ahy hoe sambatra. <sup>49</sup> Satria nanao zavatra lehibe tamiko ilay mahefa ny zavatra rehetra, ary masina ny anarany. <sup>50</sup> Fa maharitra ho an'ny taranaka faramandimby izay matahotra Azy ny famindram-pony. <sup>51</sup> Nampiseho ny heriny tamin'ny sandriny izy; ary nanaparitaka ireo izay nirehareha tamin'ny eritreritry ny fon'izy ireo. <sup>52</sup> Naongany tamin'ny seza fiandrianany ny zanaka lahin'ny mpanjaka ary ireo ambany nasandrany. <sup>53</sup> Nataony voky zava-tsoa ireo noana, fa ny mpanan-karena nampodiany tsy nanana na inona na inona. <sup>54</sup> Nanome fanampiana an'Israely mpanompony Izy, mba hahatsiarovany haneho famindram-po <sup>55</sup> (araka ny nolazainy tamin'ireo raintsika) tamin'i Abrahama sy ny taranany mandrakizay." <sup>56</sup> Nijanona nitoetra tao amin'i Elizabeta tokony ho telo volana i Maria ary avy eo niverina nody tany an-tranony. <sup>57</sup> Ary tonga ny fotoana hiterahan'i Elizabeta ny zanany ary niteraka zazalahy izy. <sup>58</sup> Naheno ny famindram-po lehibe nataon'ny Tompo taminy ireo mpiaramonina aminy sy ireo havany, ary niara-paly taminy izy ireo. <sup>59</sup> Ary tamin'ny andro fahavalo dia tonga hamora ny zaza izy ireo. Saika ho antsoin'izy ireo hoe "Zakaria," araka ny anaran-drainy izy. <sup>60</sup> Fa ny reniny kosa namaly ary niteny hoe: "Tsia. Jaona no hiantsoana azy." <sup>61</sup> Ary hoy ireo taminy: "Tsy misy amin'ny havanao antsoina amin'izany anarana izany." <sup>62</sup> Nanao baiko moana tamin'ny rainy izy ireo ny amin'ny tiany ho atao anarany. <sup>63</sup> Nangataka solaitra fanoratana ny rainy ary nanoratra hoe: "Jaona no anarany." Ary dia gaga tamin'izany izy rehetra. <sup>64</sup> Ary niaraka tamin'izay dia nisokatra ny vavany ary nafahana ny lelany. Niteny izy ary nidera an'Andriamanitra. <sup>65</sup> Tonga teo amin'ireo rehetra nanodidina azy ireo ny tahotra. Ary niely eraky ny tanàna avon'i Jodia ny zava-niseho rehetra teo. <sup>66</sup> Ary ireo rehetra nandre ireo dia nandray ireny tao am-pony, ary nilaza hoe: "Ho lasa inona ary ity zaza ity?" Fa momba azy ny tanan'ny Tompo. <sup>67</sup> Ary feno ny Fanahy masina i Zakaria rainy ary naminany, ka nilaza hoe: <sup>68</sup> "Deraina anie ny Tompo, Andriamanitr'Israely, fa tonga nanampy sy nanatanteraka ny fanafahana ho an'ny vahoakany Izy. <sup>69</sup> Nanandratra avo ny tandrom-panavotana ho antsika ao an-tranon'i Davida mpanompony Izy, <sup>70</sup> tahaka izay nolazainy tamin'ny vavan'ireo mpaminany masina tamin'ny andro taloha tany. <sup>71</sup> Hitondra famonjena amin'ny fahavalontsika sy amin'ny tanan'ireo rehetra mankahala antsika Izy. <sup>72</sup> Izany no hataony dia ny mba hampisehoana ny famindram-po amin'ireo raintsika sy hampatsiahivana ny fanekem-pihavanany Masina, <sup>73</sup> dia ilay fianianana nolazainy tamin'i Abrahama raintsika. <sup>74</sup> Nianiana ny hahazoantsika, rehefa afaka tamin'ny tanan'ny fahavalontsika, manompo Azy tsy amin-tahotra, <sup>75</sup> ampahamasinana sy ampahamarinana eo anatrehany amin'ny androntsika rehetra. <sup>76</sup> Eny, ary ianao, ry zaza, dia ho antsoina hoe mpaminanin'ny Avo Indrindra, fa handeha hialoha ny tavan'ny Tompo ianao ary hanamboatra ny lalany, mba hanomana ny olona ny amin'ny fiaviany, <sup>77</sup> mba hanome fahalalam-pamonjena ho an'ny olony amin'ny alalan'ny famelana ny helok'izy ireo. <sup>78</sup> Izany no hiseho dia nohon'ny famindram-po masin'ny Andriamanitsika, nohon'ny amin'izany no hiposahan'ny masoandro avy amin'ny avo mba ho avy hanampy antsika, <sup>79</sup> hanazava an'ireo izay mipetraka ao anatin'ny haizina sy ireo ao anatin'ny aloky ny fahafatesana. Hataony izany mba hitarihana ny tongotsika amin'ny lalam-piadanana." <sup>80</sup> Ary ny zaza dia nitombo ary tonga nahery amin'ny fanahy, ary tany an'efitra izy mandra-piavin'ny andro hisehoany ankarihary amin'Israely.

## Luke 1:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Lioka manazava ny antony nanoratany ho an'i Teofilo

**ireo zava-nitranga**  
"tatitra" na "tantara marina"

**teo amintsikia**  
Ny teny hoe "isika" ao amin'ity fehezanteny ity dia mety na mety tsy manilika an'i Teofilo

**nanolotra azy ireo tamintsika**

Ny "isika" amin'ity fehezanteny ity dia tsy mampiditra an'i Teofilo

**nanolotra azy ireo**

"nanome azy ireo" na "nanolotra azy ireo"

**ireo mpanompon'ilay hafatra**

Mety mila ataonao mazava tsara hoe inona ilay hafatra. DH: "nanompo an'Andriamanitra tamin'ny filazana ny olona ny hafany" na "nampianatra ny olona ny vaovao mahafaly momban'i Jesosy"

**nohadihadiana akaiky**

"nokarohina tsara." Lioka dia nitady tsara izay zavaintranga. Mety niresaka tamin'ireo olona samihafa izay nahita ny zava-nitranga izy ireo mba ahazoana antoka fa marina izay soratany momba ireo tranga ireo.

**Teofilo tsara indrindra**

Lioka niteny izany mba hanehoana voninahitra sy haja an'i Teofilo. Izany dia mety midika fa Teofilo dia olom-panjakana ambony. Ity fizarana ity dia tokony hampiasa ny fomba ampiasain'ny kolontsainao rehefa miresaka amin'ny olona ambony. Ny olona sasany dia mety mametraka ity fiarahabana ity any amin'ny voalohany koa ary manao hoe: "Ho an'i... Teofilo" na "Ry... Teofilo."

**tsara indrindra**

"omem-boninahitra" na "manan-kaja"

**Teofilo**

Ity anarana ity dia midika hoe "sakaizan' Andriamanitra." Mety milaza ny toetran'io lehilahy io izany na mety ho anarany tamin'izany. Ny ankamaroan'ny dikan-teny dia manao izany ho anarana.

**Luke 1:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ilay anjely maminany ny fahaterahan'i Jaona

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Zakaria sy Elizabeta dia efa nampahafantarana. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'izy ireo.

**Tamin'ny andron'i Heroda, mpanjakan'i Jodia**

"Nandritry ny fotoana nitondran'i Heroda mpanjaka an'i Jodia"

**dia nisy**

"dia nisy miavaka" na "dia nisy." Izany dia fomba irayentina mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara. Raiso ny fomba fampiasan'ny fiteninay izany.

**fizarazarana**

Efa azo fa manambara ireo mpisorona izany. DH: "fizarazarana'ireo mpisorona" na "vondron'ireo mpisorona"

**an'i Abia**

"izay avy amin'ny taranak'i Abia." Abia dia razamben'ity vondron'ny mpisorona ity ary izy rehetra dia avy amin'ny taranak'i Arona, izay mpisorona Israeliana voalohany.

**Ny vadiny dia avy amin'ny zanaka vavin'i Arona**

"Ny vadiny dia avy amin'ny taranak'i Arona." Izany dia midika fa mitovy lanja amin'ny mpisorona tahaka an'i Zakaria izy. DH: "Ny vadiny ihany koa dia avy amin'ny taranak'i Arona" na "Zakaria sy Elizabeta vadiny dia samy avy amin'ny taranak'i Arona"

**avy amin'ny zanaka vavin'i Arona**

"avy amin'ny taranak'i Arona"

**teo anatrehan'Andriamanitra**

"teo imason'Andriamanitra" na "araka ny hevitr' Andriamanitra"

**ireo didy sy toromarika rehetran'ny Tompo**

"ireo rehetra nandidiana sy notakian'ny Tompo"

**kanefa**

Ity teny mifanohitra ity dia mampiseho fa izay manaraka eto dia mifanohitra amin'izay andrasana. Ny olona nanantena hoe raha manao izay marina izy ireo, dia ho avelan'Andriamanitra hanan-janaka. Na dia nanao ny marina aza ity mpifankatia ity, dia tsy nahazo zanaka izy ireo.

**Luke 1:8****Ary izany dia mahakasika**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina hisintonana ny tantara hiala amin'ny fampahafantarana fototra ho any amin'ireo mpandray anjara.

**araka ny fifandimiasan'ny isan-tokony**

"rehefa anjaran'ny vondrony" na "rehefa tonga ny fotoana hanompoan'ny vondrony"

**Araka ny fomba fanaon'izy ireo ny amin'ny fisafidianana izay mpisorona tokony... handoro emboka**

Ity fehezanteny ity dia mampahafantatra antsika ny momban'ireo asanan'ny mpisorona.

**fomba fanaon'izy ireo**

"ny fomban-drazana" na "ny fomba mahazatra an'izy ireo"

**voafidin'ny kodia kely**

ny kodia kely dia vato misy marika izay natsipy na nakodidia teo amin'ny tany mba hanampiana azy ireo hisafidy zavatra. Ireo mpisorona dia nino fa nitarika ilay kodia kely Andriamanitra mba

hanehoana azy ireo izay mpisorona tiany ho safidian'izy ireo.

#### **mba handoro emboka**

Ireo mpisorona dia nandoro emboka manitra isamaraina sy ariva toy ny tolotra ho an'Andriamanitra eo amin'ny altara miavaka ao anatin'ny tempoly.

#### **ireo vahoaka rehetra**

"Olona maro be" na "olona maro"

#### **ivelany**

Ilay kianja no faritra manodidina ilay tempoly. DH: "ivelan'ny tempoly" na "tao an-kianja ivelan'ny tempoly"

#### **amin'ny ora**

"amin'ny fotoana voatondro." Tsy mazava tsara raha tamin'ny fotoan'ny fanolorana emboka maraina na hariva izany.

#### **Luke 1:11**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Rehefa nanao ny asany tao amin'ny tempoly Zakaria, dia nisy anjely avy amin'Andriamanitra tonga hilaza hafatra aminy.

#### **Ary**

Ity teny ity dia maneho ny fiantombohan'ny hetsika ao amin'ilay tantara.

#### **niseho taminy**

"tonga tampoka teo aminy" na "teo tampoka niaraka tamin'i Zakaria." Izany dia maneho fa teo niaraka tamin'i Zakaria ny anjely, fa tsy fahitana fotsiny.

#### **Zakaria... dia nihorohoro... nilatsaka teo aminy ny tahotra**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika, ary manamafy ny halehiben'ny tahotr'i Zakaria.

#### **rehefa nahita azy zakaria**

"rehefa nahita ilay anjely i Zakaria." Ny loharanon'ilay tahotra dia ny endrik'ilay anjely izay tsy mahazatra. Zakaria dia tsy nanao zavatra diso.

#### **nilatsaka taminy ny tahotra**

Ny tahotra dia nofaritana toy ny zavatra izay nanafika na nandresy an'i Zakaria

#### **aza matahotra**

"aza matahotra ahy intsony" na "tsy mila matahotra ahy ianao"

#### **re ny vavakao**

"ren'Andriamanitra ny fangatahanao." Ity manaraka ity dia takiana ary afaka ampiana: "ary hanome izany." Tsy ren'Andriamanitra fotsiny ny vavak'i Zakaria; fa handalam-panatanterahana izany koa Izy.

#### **hitoe-jazalahy aminao**

"manan-janaka lahy aminao" na "miteraka ny zanakao lahy"

#### **Luke 1:14**

#### **Satria**

"Satria" na "fanampin'izany"

#### **fifaliana sy firavoravoana**

Ireo teny roa ireo dia mitovy dika ary afaka atambatra raha tsy manana fomba filaza mifanakaiky ny fitenin'ao. DH: "tena ravo"

#### **amin'ny fahaterahany**

"nohon'ny fahaterahany"

#### **ho lehibe eo imason'ny Tompo izy**

"ho olona tena manan-danja izy amin'ny Tompo" na "Ho raisin'Andriamanitra toy ny olona manan-danja izy"

#### **ho feno ny Fanahy Masina izy**

Afaka atao tso-drafitra io. DH: "ny Fanahy Masina dia hanome hery azy" na "hitari-dalana azy ny Fanahy Masina." Kendreo tsy hitovy amin'ny mety hataon'ny fanahy ratsy amin'ny olona iray izany.

#### **hatrany an-kibon-dreniny**

Ny olona dia efa feno ny Fanahy Masina teo aloha, fa tsy mbola nisy nandre zaza mbola tsy teraka nefa feno ny Fanahy Masina izany.

#### **Luke 1:16**

#### **maro amin'ny vahoakan'Israely**

raha tsy tafiditra ao anatin'izany Zakaria, dia afaka adika hoe "maro aminareo taranaakan'Israely" na "maro aminareo izay vahoak'Andriamanitra, Israely" io fehezanteny io. Raha natao io fiovana io, dia kendreo hoe niova ho "Andriamanitrareo" ihany koa ny "Andriamanitr'izy ireo."

#### **hitodika**

"hitodika" na "miverina"

#### **Handeha eo alohan'ny tavan'ny Tompo**

Handeha mialoha izy hanambara amin'ny olona fa ny Tompo dia ho avy amin'izy ireo.

#### **eo alohan'ny tavan'ny**

Eto, "ny tavan'ny" dia fomba fiteny izay manondroo ny fanatrehan'ny Tompo. Indraindray izany tsy hita ao amin'ny dikan--teny. DH: "eo aloha."

#### **amin'ny fanahy sy herin'i Elia**

"amin'ny fanahy sy hery mitovy izay nananan'i Elia." Ny teny hoe "fanahy" dia maneho ny Fanahy Masin'Andriamanitra na ny toetran'i Elia na ny fomba fisainana. Kendreo mba tsy hidika hoe matotoa na fanahy rasty ny teny hoe "fanahy".



**hampitodika ny fon'ny ray amin'ny zanaka**

"reseo lahatra ireo ray mba hikarakara ireo zanany indray" na "ataovy mamerina ny fifandraisany amin'ireo zanany ny ray"

**hampitodika ny fo**

Ilay fo dia resahana toy ny zavatra izay afaka ahodina mba andeha amin'ny lalana samihafa. Izany dia maneho ny fanovana ny toetran'ny olona amin'ny zavatra iray.

**handeha ilay tsy mpankàto**

ny "mandeha" dia sarin-teny amin'ny fomba fiaina sy fihetsikin'ny olona. DH: "hietsika ilay tsy mpankàto" na "hiaina ilay tsy mpankàto"

**ilay tsy mpankàto**

"olona izay tsy mankàto"

**hanomanana ho an'ny Tompo**

Tsy nolazaina hoe ahoana ny hanomanana azy ireo. Afaka ampiana ity fanazavana ity. DH: "hanomanana ny finoana ny hafatry ny Tompo" na "hanomanana ny fankatoavana ny Tompo"

**Luke 1:18****Ahoana no hahalalako izany?**

"Ahoana no hahalalako fa hitranga izay lazainao? "" Eto, ny "mahalala" dia midika hoe maka antoka avy amin'ny zavatra niainana sy hita, mety hoe nagataka famantarana i Zakaria ho porofo. DH: "Inona no afaka hataonao hanaporofa amiko fa hitranga izany?"

**Izaho no Gabriela, izay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra**

Izany dia voalaza toy ny fitenenana mafy an'i Zakaria. Ny fanatrehan'i Gabriela, tonga mivantana avy amin'Andriamanitra, dia tokony efa ampy ho porofo ho an'i Zakaria.

**izay mitsangana**

"izay manompo"

**Nirahina hiresaka aminao aho**

Afaka atao ho tso-drafitra izany. DH: "Andriamanitra naniraka ahy mba hiresaka aminao"

**Indro**

Ny teny hoe "indro" eto dia manaitra ny saintsika amin'ny filazana mahagaga manaraka.

**mangina, tsy afaka miteny**

Ireo dia manana dika mitovy, ary naverina mba hanamafisana ny fahafenoan'ny fahanginany. DH: "tena tsy afaka miteny" na "tsy afaka miteny mihintsy"

**tsy mino ny teniko**

"tsy mino izay nolazaiko"

**amin'ny fotoana voafaritra**

"amin'ny fotoana voatondro"

**Luke 1:21****Ary**

Ity dia mampiseho izay tsy hita ao amin'ny tantara avy amin'izay nitranga tao anatin'ny tempoly ho amin'izay nitranga tany ivelany. DH: "Tamin'ny fotoana" na "Raha niresaka ilay anjely sy Zakaria."

**Ary fantatr'izy ireo fa nahita fahitana izy tamin'izy tao an-tempoly. Nanao baiko moana tamin'izy ireo izy ary nijanona moana**

Ireo zavatra ireo dia mety nitranga tamin'ny fotoana iray ihany, ary ny famantaran'i Zakaria nanampy ny olona nahazo fa nanana fahitana izy. Mety hanampy ny mpihainonao ny fanovana ny filaharan'ny fanehoana izany. DH: "Nanao baiko moana tamin'izy ireo izy ary nijanona moana. Ka fantatr'izy ireo fa nanana fahitana izy tamin'izy tao an-tempoly"

**fahitana**

Ny famaritana teo dia manondro fa nanatona an'i Zakaria tao an-tempoly ilay anjely. Ny olona, tsy nahalala izany, dia nilaza fa nanana fahitana Zakaria.

**Ary rehefa tonga**

Ity fehezanteny ity dia mampandroso ny tantara ho amin'ny fotoana niafaran'ny asan'i Zakaria.

**Nakany an-tranony izy**

Zakaria dia tsy nipetraka tao Jerosalema, izay nisy ny tempoly. Nandeha nankany an-tanànanany izy.

**Luke 1:24****Taorian'ireo andro ireo**

Ny fehezanteny hoe "ireo andro ireo" dia maneho ny fotoana nanompoan'i Zakaria tao an-tempoly. Azo atao ny maneho mazava tsara izay asehon'izany. DH: "Taorian'ny niverenan'i Zakaria tao an-trano avy any amin'ny asany tao an-tempoly"

**ny vadiny**

"vadin'i Zakaria"

**niafina**

"tsy nivoaka ny trano" na "nijanona irery tao anatin'ny"

**Izao no nataon'ny Tompo tamiko**

Ity fehezanteny ity dia maneho ny zava-misy hoe navelan'ny Tompo hitondra vohoka izy.

**Izao no**

Faly be izy tamin'ny nataon'ny Tompo taminy

**nitsinjo ahy**

ny hoe "mijery" dia fomba fiteny iray izay midika hoe "mandray" na hoe "matrika." DH: "nijery ahy"

tamin'ny hatsaram-panahy" na hoe "namindra fo tamiko"

#### ny henatro

Ity dia maneho ny henatra tsapany nohon'ny tsy fahafahany manan'anaka.

#### Luke 1:26

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny anjely Gabriely manambara amin'i Maria fa ho renin'ilay iray izay zanak'Andriamanitra izy.

##### teo amin'ny faha-enim-bolana

"teo amin'ny faha-enim-bolan'ny vohok'i Elizabeta." Mety ilaina ny mametraka an'io mazava tsara raha ho afangaro amin'ny faha-enim-bolan'ny taona izany .

##### ny anjely Gabriela dia nirahin'Andriamanitra

Afaka atao ho tso-drafitra izany. DH: "Andriamanitra niteny tamin'ny anjely Gabriela mba handeha"

##### Avy tamin'ny taranak'i Davida izy

"Mitovy foko amin'i Davida izy" na hoe "Taranak'i Davida mpanjaka izy"

##### fofombady

"natao antoka" na hoe "nampanantenaina hanambady." Ny ray aman-drenin'i Maria dia nanao fanoloran-tena ho azy mba hanambady an'i Josefa.

##### ny anaran'ilay virjiny dia Maria

Ity dia mampahafantatra an'i Maria toy ny mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

##### Nankeo aminy izy

"Ny anjely nanatona an'i Maria"

##### Arahaba

Ity dia fiarahabana iraisana. Izany dia midika hoe: "Mifalia" na hoe "miravoravao."

##### Nohasoavina indrindra ianao!

"ianao izay nandray fahasoavana be!" na hoe "ianao dia nandray hatsaram-panahy miavaka!"

##### Miaraka aminao ny Tompo

"miaraka aminao" dia fomba fiteny izay mitaky fanohanana sy fanekena. DH: "Faly aminao ny Tompo"

##### very hevitra tamin'ny teniny izy... nanontany tena hoe karazana fiarahabana toy ny inona izany

Maria dia nahazo ny dikan'ny teny tsirairay, fa tsy azony hoe nahoana ilay anjely no niteny izany fiarahabana mahagaga izany taminy.

#### Luke 1:30

##### Aza matahotra ry Maria

Tsy tian'ilay anjely atahotra ny fisehoany i Maria, satria Andriamanitra naniraka azy niaraka tamin'ny hafatra tsara.

##### nahita sitraka tamin'Andriamanitra ianao

Ny fomba fiteny hoe "nahita sitraka" dia midika ho noraisain'olona tsara. Azo ovaina ilay fehezanteny mba hampisehoana an'Andriamanitra ho ilay mpandray anjara. DH: "Andriamanitra dia nanapakevitra ny hanome anao ny fahasoavany" na hoe "Mampiseho anao ny hatsaram-panahiny Andriamanitra."

##### hitoe-jaza ianao ka hitondra zazalahy ao am-bohoka ... Jesosy ... zanak'ilay avo indrindra

Hitondra "zazalahy" ao am-bohoka i Maria izay ho antsoina hoe "Zanak'ilay Avo Indrindra." Jesosy noho izany dia olombelona naterak'olombelona, ary izy koa ilay Zanak' Andriamanitra. Ireo teny ireo dia tokony adika tsara.

##### ho antsoina hoe

Ireto ireo dika azo atao 1) "Ny olona hiantso Azy hoe" na hoe 2) "Andriamanitra hiantso Azy hoe"

##### Zanak'ilay Avo Indrindra

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra.

##### manome azy ny seza fiandrianan'i Davida razambeny

Ny seza fiandrianana dia maneho ny fahefan'ny mpanjaka hanapaka. DH: "manome azy fahefana hanapaka toy ny mpanjaka tahaka ny nataon'ny razambeny"

##### tsy hanam-pahataperana ny fanjakany

Ny teny hoe "tsy hanam-pahataperana" dia manamafy fa mitohy mandrakizay izany.

#### Luke 1:34

##### Ahoana no hisehoan'izany

Na dia tsy fantatr'i Maria aza ny mety ho fisehon' izany, dia tsy nisalasala izy hoe hitranga izany. DH: "Ahoana no ahafahana manao izany?"

##### Tsy mbola niara-nandry tamin'ny lehilahy aho

Maria nampiasa ity fomba fiteny mendrika ity mba hilazana fa mbola madio izy. DH: "virjiny aho."

##### Hirotsaka aminao ny Fanahy Masina

Ny fizotrin'ny vohok'i Maria dia hanomboka amin'ny fiavian'ny Fanahy Masina ao aminy.

##### Hirotsaka

"ho tratra" na "hitranga amin'ny"

##### ny herin'ilay Avo Indrindra

Ny "herin'" Andriamanitra tsy azo takarina no hampitondra vohoka an'i Maria na dia mbola

hijanona virjiny aza izy. Kendreo tsy hisy idiran'ny firaisana ara-nofa io\_ fahagagana izany.

**Ho avy aminao**  
"handrakotra anao toy ny aloka"

**Ilay masina**  
"ilay zanaka masina"

**ho antsoina hoe**  
Ireo dika azo atao 1) "ny olona hiantso Azy hoe" na 2) "Andriamanitra hiantso Azy hoe"

**Noho izany ilay masina hateraka ia ho antsoina hoe Zanak'Andriamanitra**  
Na dia olombelona aza ny renin'i Jesosy, dia napetrak'Andriamanitra taminy toy ny zaza Jesosy. Noho izany, Andriamanyitra no rainy, ary Jesosy nantsoina hoe: "Zanak'Andriamanitra."

**Zanak'Andriamanitra**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy

### Luke 1:36

**Ary indro**  
Ity fomba fiteny ity dia manamafy ny halehiben'ny fanambarana momban'i Elizabeta izay manaraka eto.

**Elizabeta havanao**  
Raha mila mametraka fifandraisana miavaka tsara ianao, dia mety ho nenintoan'i Maria i Elizabeta

**nitoe-jaza lahy ihany koa tamin'ny fahanterany**  
"nitondra vohoka ihany koa, na dia efa antitra aza izy" na "na dia efa antitra aza izy, dia nitondra vohoka ihany koa ka hanan'anaka zaza lahy."  
Kendreo mba tsy hitovy hoe samy antitra i Maria sy Elizabeta tamin'ny nitondra vohoka.

**faha-enim-bolana ny azy**  
"ny faha-enim-bolan'ny vohokany"

**Satria**  
"Izany dia mampiseho fa"

**Tsy misy zavatra tsy ho azo tanterahana amin' Andriamanitra**  
DH: "Izany dia maneho fa afaka manao ny zavatra rehetra Andriamanitra." Ny vohok'i Elizabeta dia porofo fa Andriamanitra dia afaka manao ny zavatra rehetra\_ na dia ny nanao an'i Maria hitondra vohoka aza nefa tsy nila azy hiara-atory amin'ny lehilahy.

**Indro**  
Maria dia mampiasa fomba fiteny mitovy amin'ilay anjely mba hanamafisana ny fahamatorany momban'ny fanapahan-keviny hanaiky ny Tompo.

**Izaho no mpanompo vavin'ny Tompo**  
MIsafidiana fomba fiteny iray izay mampiseho ny fanetre-teny sy fankatoavany ny Tompo. Tsy

nirehareha tamin'ny maha-mpanompo vavin'ny Tompo azy izy.

**Aoka ho tanteraka amiko izany**  
"Aoka hitranga amiko izany." Maria nanambara ny finiavany tamin'ireo zavatra hitranga izay nolazain'ny anjely taminy fa efa hitranga.

### Luke 1:39

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Maria nandeha nitsidika an'i Elizabeta havany izay andala-piterahana an'i Jaona .

**niainga**  
Ity fomba fiteny ity dia tsy midika fotsimpy hoe nitsangana izy, fa koa "vonona." DH: "nanomboka" na "vonona"

**tany avo**  
"toerana avo" na "ny ampahan'ny tendrombohitra Israely"

**Nandeha izy**  
Izany dia midika fa vitan'i Maria mialohan'ny nandehanany tany amin'ny tranon'i Zakaria ny diany. Izany dia afaka atao mazava tsara. DH: "Rehefa tonga izy, dia nandeha"

**ary izao no nitranga**  
Ity fehezanteny dia ampiasaina hanamarihana tranga vaovao ao amin'ity fizaran'ny tantara ity.

**tao an-kibony**  
"tao an-kibon'i Elizabeta"

**nibitaka**  
"nietsika tampoka"

### Luke 1:42

**nanandratra ny feony ... niteny mafy hoe**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy ny dikany, ary ampiasaina hanamafisana ny hafalian'i Elizabeta. Afaka atambatra anaty fehezanteny iray ireo. DH: "nihilaka mafy."

**nanandratra ny feony**  
Ity fiteny ity dia midika hoe "nampitombo ny hamafin'ny feony"

**Nosoavina nohon'ny vehivavy rehetra ianao**  
Ny fiteny hoe "Nohon'ny vehivavy rehetra" dia midika hoe "mihoatra nohon'ny vehivavy hafa"

**nosoavina ny nateraky ny kibonao**  
Ny zanak'i Maria dia resahana toy ny hoe voankazo vokarin'ny hazo iray izany. DH: "ny zaza ao an-kibonao"

**Ary nahoana izany no nitranga tamiko fa ilay renin'ny Tompo no tokony hanatona ahy?**  
Elizabeta dia tsy nanontany fanazavana. Mampiseho ny fahatairany sy hafaliany izy fa izy ilay renin'ny

Tompo no nanatona azy. DH: "Tena mahafinaritra ny fahatongavan'ilay renin'ny Tompoko ato amiko!"

#### **ilay renin'ny Tompoko**

Maneho an'i Maria ity. "ianao, ilay renin'ny Tompoko."

#### **Fa indro**

Ity fehezanteny ity eto dia manaitra antsika mba hifantoka amin'ny fanambarana mahagagan'i Elizabeta.

#### **tonga teo an-tsofiko**

Ity fiteny ity dia midika hoe "nandre aho"

#### **nientan-kafaliana**

"nihetsika tampoka tamin-kafaliana" na "nivadika satria faly loatra izy"

#### **Samnbatra izy izany nino**

"sambatra ianao izay nino" na hoe "satria ianao nino, dia ho faly"

#### **ho tanteraka ireo zavatra**

"ireo zavatra ireo raha ny marina dia hitranga"

#### **ireo zavatra izay nolazain'ny Tompo taminy**

DH: "ny hafatra izay nomen'ny Tompo azy" na "ireo zavatra izay nolazain'ny Tompo tamin'ny"

#### **Luke 1:46**

#### **Fampahafatarana amin'ny ankapobeny**

Maria dia nanomboka hira fiderana ho an'ny Tompo mpamonjiny

#### **nifaly tamin'ny**

"nahatsapa hafaliana be tamin'ny" na "tena faly be momban'ny"

#### **Andriamanitra mpamonjiko**

"Andriamanitra, Ilay iray izay mamonjy ahy" na "Andriamanitra izay mamonjy ahy"

#### **Luke 1:48**

#### **Fa izy**

"satria izy"

#### **nijery**

"nijery tamim-piahiana" na "niraharaha ny momban'ny"

#### **fahantrana**

"fahantrana." Tsy nanan-karena ny fianakavian'i Maria.

#### **Ary indro**

Ity fehezanteny ity dia misarika ny fifantohana amin'ny fehezanteny manaraka eo.

#### **manomboka izao**

"amin'izao sy amin'ny ho avy"

#### **Ilay mahefa ny zavatra rehetra**

"Andriamanitra, ilay mahery"

#### **ny anarany**

eto ny "anarana" dia maneho ny tenan'Andriamanitra manontolo. DH: "Izy"

#### **Luke 1:50**

#### **Ny famindram-pony**

"Ny famindram-pon'Andriamanitra"

#### **Taranaka faramandimby**

"avy amin'ny taranaka iray mankany amin'ny taranaka iray" na "manerana ny taranaka rehetra"

#### **nampiseho ny heriny tamin'ny sandriny**

eto ny "sandriny" dia hevitra ambadiaky ny herin'Andriamanitra. DH: "nampiseho fa tena mahery Izy"

#### **nanaparitaka**

"nandroaka tamin'ny lalana samihafa"

#### **eritreritry ny fon'izy ireo**

Ity dia fiteny iray izay maneho ny fisainana lalin'izy ireo. DH: "eritreritra ao anatin'izy ireo"

#### **Luke 1:52**

#### **Naongany tamin'ny seza fiandrianany ny zanaka lahin'ny mpanjaka**

Ny seza fiandrianana dia seza izay ipetrahan'ny mpanapaka, ary mariky ny fahefany izany. Raha nesorina tamin'ny seza fiandrianany ny zanaka lahin'ny mpanjaka, dia midika izany fa tsy manana fahefana hanjaka intsony izy. DH: "Nalainy ny fahefan'ny zanaka lahin'ny mpanjaka" na "Najanony tsy hanjaka intsony ny mpanapaka"

#### **nanongana ny zanaka lahin'ny mpanjaka ... nanandratra ireo mahantra**

Ny fifanoheranane eo amin'ireo hetsika mifanohitra ireo dia tokony atao mazava tsara ao amin'ny dikan-teny raha azo atao.

#### **ambany**

"fahantrana." Ny fianakavian'i Maria dia mahantra. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:48

#### **nanandratra ireo ambany**

DH: "nanome voninahitra ny olona izay tsy nomen'ireo hafa voninahitra"

#### **Namoky ireo noana izy ... ny mpanan-karena nampodiany tsy nanana na inona na inona**

Ny fifanoherana eo amin'ireo hetsika roa ireo dia tokony atao mazava tsara ao amin'ny fandikan-teny raha azo atao.

#### **namoky zava-tsoa an'ireo noana**

Ireo dikan-teny azo atao: 1) "Nanome sakafo tsara hoanina ho an'ireo noana" na 2) "nanome ireo zavatra tsara ilaina."

**Luke 1:54**

**Nanome fanampiana Izy**  
"Nanampy ny Tompo"

**Israely mpanompony**

Raha manafangaro ity amin'ilay lehilahy atsoina hoe Israely ny mpamaky, dia afaka adika hoe "mpanompony, ilay firenen'Israely" izany na hoe "Israely, mpanompony."

**hahatsiarovana**

Tsy afaka manadino Andriamanitra. Rehefa "mahatsiahy" Andriamanitra, dia fomba fiteny izany izay midika fa miasa eo amin'ny fampanantenany teo aloha Andriamanitra.

**araka ny nolazainy tamin'ireo raintsika**

"araka izay nampanantenainy ireo razambentsika no hataony." Io fehezanteny io dia manome fampahalalana fototra momban'ny fampanantenan'Andriamanitra tamin'i Abrahama. DH: "satria nampanantena ireo razambentsika Izy fa hamindra fo"

**ny taranany**

"ny taranak'i Abrahama"

**Luke 1:56****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Elizabetha niteraka ny zanany dia avy eo Zakaria nanome anarana ny zanak'izy ireo.

**nody tany an-tranony**

"Maria niverina tany an-tranony (tranon'i Maria)" na "Maria niverina tany amin'ny tranony manokana"

**Ary**

Ity teny ity dia manambara ny fiantombohan'ny tranga manaraka ao amin'ilay tantara.

**Ireo mpiara-monina aminy sy ireo havany**

"Mpiara-monina sy havan'i Elizabetha"

**nampiseho ny famindram-pony lehibe taminy**

"tsara fanahy taminy"

**Luke 1:59****Ary tamin'ny andro fahavalo no nitrangan'izany**

"Rehefa valo taona ny zaza" na "Avy eo, valo andro aorian'ny nahaterahan'ny zaza"

**izy ireo**

Ity dia mety maneho an'i Zakaria ary ireo namana sy havan'i Elizabetha.

**mba hamora ny zaza**

Ity matetika dia lanonana izay hamoran'ny olona iray ny zaza ary eo ny namana mba hankalaza

miaraka amin'ny fianakaviana. DH: "ho an'ny lanonana famoran-jaza"

**saika ho antsoin'izy ireo izy hoe**

"saika ho antsoin'izy ireo izy hoe" na "Te-hanome azy ilay anarana izy ireo." Izany no fomban-drazana tena izy.

**araka ny anaran-drainy**

"ny anaran'ny rainy"

**amin'izany anarana izany**

"mitovy amin'izany anarana izany"

**Luke 1:62****izy ireo**

Ity dia maneho ny olona izay teo tamin'ny lanonana famorana.

**nanao baiko moana**

"mihetsika." Na Zakaria tsy afaka mandre, toy ny miteny, na ny olona mihevitra fa tsy afaka mandre izy.

**tamin'ny rainy**

"tamin'ny rain'ilay zaza"

**ny amin'ny tiany atao anarany**

"inona no anarana tian'i Zakaria homena ilay zaza"

**nangataka solaitra fanoratana ny rainy**

Mety hanampy ny mametraka ny fomba "nangatahan" i Zakaria, hatramin'ny tsy nafahany niresaka. DH: "Nampiasa ny tanany ny rainy mba ampisehoana ny olona fa tiany hanome solaitra fanoratana azy izy ireo"

**solaitra fanoratana**

"zavatra hanoratana"

**Luke 1:64****nisokatra ny vavany ... nafahana ny lelany**

Ireo fehezanteny roa ireo dia sariteny izay miaraka manamafy fa afaka niresaka tampoka i Zakaria.

**nisokatra ny vavany ary nafahana ny lelany**

DH: "'Andriamanitra nanokatra ny vavany ary nanafaka ny lelany"

**Tonga teo amin'ireo rehetra nanodidina azy ireo ny tahotra**

"Ireo rehetra izay nipetraka nanodidina an'i Zakaria sy Elizabetha dia natahotra." Mety hanampy ny fametrahana mazava tsara ny antony nahatohina azy ireo. DH: "Ny rehetra izay nipetraka nanodidina azy ireo dia tao anatin'ny tahotra an'Andriamanitra izay nahavita izany tamin'i Zakaria"

**ireo rehetra izay nipetraka**

Ity dia tsy maneho ireo mpiara-monina mivantana amin'izy ireo fotsiny ihany fa ireo rehetra izay mipetraka amin'io faritra io.

**ireo rehetra izay nandre azy ireo**

Ny teny hoe "ireo" dia maneho ireo zavatra izay nitranga.

**ireo rehetra izay nandre**

Ity dia maneho vondron'olona lehibe izay niaina nanerana an'i Jodia.

**milaza hoe**

"mangataka"

**ho lasa inona ary ity zaza ity?**

"karazan'olona lehibe toy ny inona ity zaza ity rehefa lehibe?" Mety azo eritreretina koa hoe ity fanontaniana ity dia natao ho fanambarana ny tsy nampoiziny tamin'ny zavatra reny momba ilay zazakely. DH: "Ho lehilahy tena lehibe ity zaza ity!"

**momba azy ny tanan'ny Tompo**

Ny fehezanteny hoe "ny tanan'ny Tompo" dia maneho ny herin'ny Tompo. "Niaraka taminy ny herin'ny Tompo" na hoe "Niasa mahery tao aminy ny Tompo"

**Luke 1:67****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Zakaria milaza izay hitranga amin'i Jaona zanany.

**Feno ny Fanahy Masina i Zakaria rainy**

DH: "Ny Fanahy Masina nameno an'i Zakaria rainy"

**Ny rainy**

Rain'i Jaona

**naminany, nilaza hoe**

Kendreo ny fomba tsotra hampidirana teny mivantana amin'ny fiteninao. DH: "naminany ary niteny hoe" na "naminany, ary izao no nolazainy"

**Andriamanitr'Israely**

"Israely" eto dia maneho ny firenen'Israely. Ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Israely dia afaka apetraka mivantana kokoa. DH: "Ilay Andriamanitra nanjaka nanerana an'Israely" na "Ilay Andriamanitra izay derain'Israely"

**ny olony**

"olon'Andriamanitra"

**Luke 1:69****tandrom-panavotana ho antsika**

Ny tandrokin'ny biby dia famantarana ny heriny hiarovana ny tenany. Ilay Mesia dia resahana toy ny hoe tandroka manana hery hanavotra an'Israely Izy. DH: "olona manana hery hanavotra antsika."

**ao an-tranon'i Davida mpanompony**

"Ny tranon" i Davida eto dia maneho ny fianakaviany, indrindra fa ny taranany. DH: "ao amin'ny fianakavian'i Davida mpanompony" na "izay taranak'i Davida mpanompony"

**tahaka izay nolazainy**

"araka izay nolazain'Andriamanitra"

**nilaza tamin'ny vavan'ireo mpaminaniny masina**

Andriamanitra namela ireo mpaminany hilaza ireo teny izay tiany ho tenenin'izy ireo. DH: "nampiteny ireo mpaminaniny masina"

**tamin'ny vavan'ireo**

Ity dia milaza ny hafatr'ireo mpaminany toy ny hoe vava iray ihany no miteny.

**tamin'ny andro taloha**

"niaina fahagola"

**mitondra famonjena**

maneho famonjena ara-batana ity eto, fa tsy famonjena ara-panahy.

**ireo fahavalontsika ... ireo rehetra mankahala antsika**

mitovy hevitra ireo fehezanteny roa ireo ary naverina mba hanamafisana ny hamafin'ny fahavalo manohitra azy ireo.

**amin'ny tanan'ireo**

Mety hanampy ny famerenana mametraka ny "famondjena" eto. DH: "famondjena amin'ny tanan'ny"

**tanana**

"hery" na "fahefana." Ny teny hoe "tanana" dia maneho ny hery izay ampiasain'ny ratsy fanahy manohitra ny olon'Andriamanitra.

**Luke 1:72****mba hampisehoana famindram-po**

"mba ho mpamindra fo amin'ny" na "mba hietsika araka ny famindram-pony amin'ny"

**hampatsiahivana**

Eto ny teny hoe "mampatsiahy" dia midika fitandremana fanoloran-tena na fanatanterahana zavatra.

**ny fanekem-pihavanany masina ... ny fianianana nolazainy**

ireo fehezanteny roa ireo dia maneho zavatra mitovy. Naverina izy ireo mba hampisehoana ny fahamatoran'ny fampanantenan'Andriamanitra tamin'i Abrahama.

**hahazoantsika, rehefa afaka ... hanompo azy tsy amin-tahotra**

Mety hanampy ny fanovana ny firafitr'ireo fehezanteny ireo. DH: "fa isika dia hanompo azy tsy amin-tahotra rehefa novonjena tamin'ny herin'ireo fahavalontsika."

**tsy amin-tahotra**

Ity dia maneho ny tahotra an'ireo fahavalon'izy ireo DH: "tsy matahotra ireo fahavalontsika"

**am-pahamasinana sy am-pahamarinana**

Mety maneho hetsika ireo. DH: "hiaina amin'ny fomba madio sy hanao izay marina"

**eo anatrehany**

ity dia fomba fiteny izay midika hoe "eo amin'ny fanatrehany"

**Luke 1:76****ianao, ry zaza, dia ho antsoina hoe mpaminany**

Ny olona dia ho tonga saina oe mpaminany izy. DH: "ho fantatrin'ny olona fa mpaminany ianao"

**an'ny Avo Indrindra**

"Izay manompo ny Avo Indrindra." Ity dia maneho an'Andriamanitra. DH: "izay miteny ho an'Andriamanitra Avo Indrindra."

**handeha hialoha any tavan'ny Tompo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "handeha mialohan'ny Tompo" na "tonga mialohan'ny Tompo"

**hanome fahalalam-pamonjena ho an'ny olony**

"mba hanazava ny famonjena amin'ny olony" na "mba hatakatra ny dikan'ny famonjena ny olony"

**amin'ny famelana ny helok'izy ireo**

"amin'ny alalan'ny famelana ny helok'izy ireo." DH: "satria Andriamanitra namela heloka azy ireo"

**Luke 1:78****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ity andininy rehetra ity ny teny hoe "isika" dia mampiditra ny olona rehetra.

**nohon'ny famindram-po masin'ny Andriamanintsika**

Mety hanampy ny fametrahana fa manampy ny olona ny famindram-pon'Andriamanitra. DH: "satria Andriamanitra dia mangoraka sy mamindra fo amintsika"

**hiposahan'ny masoandro avy amin'ny avo ... mba hanazava**

ny hazavana matetika dia sariteny ho an'ny marina. Eto, ny fahamarinana ara-panahy izay homen'ny Mpamonjy dia aseho toy ny hoe fiposahan'ny masoandro izay manazava ny tany.

**manazava**

"manome fahalalana ho an'ny" na "manome fahazavana ara-panahy ho an'ny"

**ireo izay mipetraka ao anatin'ny haizina**

Ny haizina eto dia sariteny ho an'ny tsy fisian'ny fahamarinana ara-panahy. Eto, ny olona izay tsy manana fahamarinana ara-panahy dia aseho toy ny hoe mipetraka ao anatin'ny haizina izy ireo. DH: "olona izay tsy mahalala ny marina"

**haizina ... aloky ny fahafatesana**

Ireo teny roa ireo dia miara-miasa mba hanamafisana ny halalin'ny fahamaizinana ara-panahin'ny olona mialohan'ny hampisehoan' Andriamanitra famindram-po amin'izy ireo.

**ao anatin'ny aloky ny fahafatesana**

Ny aloka matetika dia maneho zavatra izay vao hitranga. Eto, maneho fahafatesana efa manakaiky izany. DH: "izay efa ho faty"

**hitarihana ny tongontsika**

ny mitarika tongotr'olona dia mitovy amin'ny mitarika olona ihany. DH: "mitarika antsika" na "mampianatra antsika"

**ny tongontsika**

ny "tongotra" dia ampiasaina hanehoana ny olona iray manontolo. DH: "antsika"

**amin'ny lalam-piadanana**

"ny lalam-piadanana" dia sariteny ho an'ny lalan'ny fiainana izay mahatonga olona iray hanana fiadanana amin'Andriamanitra. DH: "miaina fiainam-piadanana" na "mandeha amin'ny lalana izay mitarika any amin'ny fiadanana"

**Luke 1:80****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia milaza foy ny momban'ny taona nitomboan'i Jaona.

**Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny tantara fototra. Lioka dia nivadika faingana avy any amin'ny fahaterahan'i Jaona nankany amin'ny fiantombohan'ny asa fanompoany amin'ny maha-lehibe azy.

**tonga nahery amin'ny fanahy**

"tonga matotra ara-panahy" na "nanamafy ny fifandraisany amin'Andriamanitra"

**tany an'efitra**

"niaina tany an'efitra." Lioka dia tsy niteny hoe firy taona Jaona no nanomboka niaina tany an'efitra.

**mandra-**

Ity dia tsy tena hoe manamarika fihatoana. Nanohy niaina tany amin'ny tany karakaina foana Jaona na dia taorian'ny nanombohany nitory ampahibemaso aza.

**ny andro hisehoany ankariary**

"rehefa nanomboka nitory ampahibemaso izy"

**ny andro**

Ampiasaina ity eto amin'ny dika ankapobeny hoe "ny fotoana"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Ary tamin'izany andro izany, dia nandefa didy mibaiko izay mibaiko ny hanisana ny olona rehetra miaina eto amin'izao tontolo izao Aogosto Kaisara. <sup>2</sup> Izany no fanisam-bahoaka natao voalohany tamin'i Kyrénio no mpanapaka tany Syria. <sup>3</sup> Noho izany ny olon-drehetra dia nankany amin'ny tanàna niaviny avy mba hisoratra anarana ho an'ny fanisam-bahoaka. <sup>4</sup> Dia nandeha niakatra avy tany Galilia koa Josefa, avy tany an-tanànan'ny Nazareta, ho any Jodia, tanànan'i Davida izay antsoina hoe Betlehema, satria izy avy amin'ny trano sy fianakavian'i Davida. <sup>5</sup> Nandeha tany izy mba hisoratra anarana niaraka tamin'i Maria, izay fofom-badiny ary nitoe-jaza. <sup>6</sup> Ary raha mbola tany izy ireo, dia tonga ny fotoana hiterahany ny zanany. <sup>7</sup> Niteraka zaza lahy izy, zanany voalohany, ary izy nandrakotra lamban-jaza Azy sy nampandry Azy teo amin'ny fihinanam-bilona, satria tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny hotely. <sup>8</sup> Nisy mpiandry ondry tamin' izany faritra izany izay nijanona tany an-tsaha, niandry ny andian'ondry tamin'ny alina. <sup>9</sup> Nisy anjelin' ny tompo niseho tamin'izy ireo, ary ny voninahitry ny Tompo namirapiratra manodidina azy, ary feno tahotra lehibe izy ireo. <sup>10</sup> Dia niteny tamin'izy ireo ny anjely nanao hoe: "Aza matahotra, fa hitondra vaovao tsara izay hitondra hafaliana lehibe ho an'ny olona rehetra aho. <sup>11</sup> Androany dia nisy mpanavotra izay teraka ho anareo any an-tanànan'i Davida! Izy no Kristy Tompo! <sup>12</sup> Izao no famantarana izay homena anareo: Hahita zazakely mirakotra lamban-jaza ary mandry eo amin'ny fihinanam-bilona ianareo." <sup>13</sup> Tampoka teo niaraka tamin'ilay anjely, dia nisy tafiky ny lanitra lehibe nidera an'Andriamanitra nanao hoe: <sup>14</sup> "Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny avo indrindra, ary hisy fiadanana anie eto an-tany eo amin'ny olona izay ankasitrahany." <sup>15</sup> Ary rehefa niala teo amin'izy ireo nankany an-danitra ireo anjely, ny mpiandry ondry nifampiteny hoe: "Andeha isika izao ho any Betlehema, ary hijery izany zava-nitranga izany, izay nampahafantarina ny Tompo antsika izany." <sup>16</sup> Nandeha faingana tany izy ireo ary nahita an'i Maria sy Josefa, ary nahita ny zazakely nandry teo amin'ny fihinanam-bilona. <sup>17</sup> Taorian'ny nahitan' izy ireo Azy, dia nampahafantarina izy ireo ny zavatra rehetra nolazaina azy ireo momba io zaza io. <sup>18</sup> Izay rehetra nandre izany dia gaga ny amin'ny nolazain'ny mpiandry ondry tamin'izy ireo. <sup>19</sup> Fa Maria kosa nanohy nieritreritra momba ny zavatra rehetra izay reny, ary nitahiry ireny tao ampony. <sup>20</sup> Niverina ireo mpiandry ondry, nanome voninahitra sy nankalaza an' Andriamanitra noho ny zavatra rehetra izay ren'izy ireo sy hitan'ireo, araka izay nolazaina tamin' izy ireo. <sup>21</sup> Nony tapitra ny andro fahavalo, rehefa noforàna Izy, dia nomena anarana hoe Jesosy, ilay anarana nomen'ny anjely Azy talohan'ny nametrahana Azy tao an-kibo. <sup>22</sup> Ary rehefa dila ny isan'ny andro notakiana hidiovany, araka ny lalàn'i Mosesy, dia nitondra Azy niakatra ho any an-tempoly tao Jerosalema i Maria sy Josefa mba hanolotra Azy eo amin'ny Tompo. <sup>23</sup> Araka izay voasoratra ao amin'ny lalàn'ny Tompo hoe: "Ny lahy rehetra izay voaloha-teraka dia hatokana ho an'ny Tompo." <sup>24</sup> Noho izany dia nanolotra sorona araka izay voalaza ao amin' ny lalàn'ny Tompo izy ireo, "domohina roa na zanaka voromailala roa." <sup>25</sup> Ary indro, nisy lehilahy tany Jerosalema, Simona no anarany, ary izany lehilahy izany dia marina sy mafana fo. Nitady ny fampiononana an'Israely izy, ary tao aminy ny Fanahy Masina. <sup>26</sup> Nambaran'ny Fanahy Masina taminy fa tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny Kristin'ny Tompo izy. <sup>27</sup> Notarihin' ny Fanahy, nankany an-tempoly Simona. Rehefa nitondra an'i Jesosy zazakely niditra ny ray aman-dreniny, mba hanao Azy araka ny fomba ao amin'ny lalàna, <sup>28</sup> dia noraisiny ho eny an-tsandriny Izy sady nidera an' Andriamanitra ary nanao hoe: <sup>29</sup> "Ankehitriny avelao andeha am-piadanana ny mpanomponao, ry Tompo, araka ny teninao. <sup>30</sup> Fa ny masoko nahita ny famonjena, <sup>31</sup> izay nomaninao teo amin'ny fanatrehan'ny olona rehetra: <sup>32</sup> Dia fahazavana ho fanambarana ho an'ny Jentilisa ary voninahitra ho an'Israely olonao." <sup>33</sup> Ny ray sy renin' ilay zaza dia talanjona tamin' ny zavatra nolazaina mahakasika Azy. <sup>34</sup> Nitso-drano azy ireo Simona ary niteny tamin' i Maria reniny hoe: "Indro, ity zaza ity dia voatendry ho amin'ny fandavoana sy fanandratana ny olon'Israely maro ary ho famantarana izay nolavina - <sup>35</sup> ary hisy sabatra handoaka ny fanahinao - mba ho voambara ny hevitra ny fo maro." <sup>36</sup> Nisy mpaminany vavy iray antsoina hoe Ana teo. Zanakavavin'i Fanoela avy amin'ny foko Asera izy. Tena antitra izy. Nipetraka niaraka tamin' ny vadiny fito taona taorian'ny nahavirijiny azy izy, <sup>37</sup> ary mpitondra tena nandritry ny efatra amby valopolo taona. Tsy nandao ny tempoly mihitsy izy fa nanompo tamin'ny fifadian-kanina sy vavaka, andro aman'alina. <sup>38</sup> Tamin' izany ora izany indrindra dia nanatona akaiky azy ireo izy ary nanomboka nanome fisaorana an'Andriamanitra sy nilaza ny momban'ilay zaza tamin'ny olona rehetra izay niandry ny fanavotana an'i Jerosalema. <sup>39</sup> Rehefa nahavita ny zavatra rehetra nasaina nataony araka ny lalàn'ny Tompo izy ireo, dia niverina tany Galilia, any amin'ny tanànan'izy ireo any Nazareta. <sup>40</sup> Nihalehibe ny zaza ary nihanatanjaka, nitombo fahendrena, ary ny fahasoavan'Andriamanitra dia tao aminy. <sup>41</sup> Ny ray aman-dreniny dia nankany Jerosalema isan-taona hamonjy ny Firavoravoan'ny Paska. <sup>42</sup> Rehefa roa ambin'ny folo taona Izy, dia



nandeha nankany araka ny fomba fanao amin'ny fety indray izy ireo. <sup>43</sup> Ary rehefa avy nitoetra tany nandritry ny andron'ny fety manontolo izy ireo, dia nanomboka niverina nody izy ireo. Fa Jesosy zazalahy nijanona tany Jerosalema nefa tsy fantatry ny ray aman-dreniny izany. <sup>44</sup> Nataon'izy ireo fa niaraka tamin'ny olona niara-dia tamin'izy ireo Izy, dia nandeha nandritry ny andro iray manontolo izy ireo. Ary avy eo dia nanomboka nitady Azy tany amin'ireo havany sy ireo namany izy ireo. <sup>45</sup> Rehefa tsy hitan'izy ireo Izy, dia niverina tany Jerosalema izy ireo ka nanomboka nitady Azy tany. <sup>46</sup> Nony afaka telo andro, dia hitan'izy ireo tao an-tempoly Izy, nipetraka teo afovoan'ireo mpampianatra, nihaino azy ireo sy nametraka fanontaniana tamin'izy ireo. <sup>47</sup> Izay rehetra naheno Azy dia gaga tamin' ny fahalalany sy ireo valinteny. <sup>48</sup> Rehefa nahita Azy izy ireo, dia talanjona. Ny reniny niteny tamin'ny hoe: "Anaka, nahoana ianao no nanao toa izao anay? Henoy, izaho sy ny rainao nitady anao tamin-tebiteby." <sup>49</sup> Izy niteny tamin' izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no nitady Ahy? Tsy fantatrarao ve fa tsy maintsy ho ao an-tranon'ny Raiko Aho?" <sup>50</sup> Fa tsy azon'izy ireo izay tiany holazaina tamin' izany teny izany. <sup>51</sup> Dia nody niaraka tamin'izy ireo tany Nazareta Izy sady nankatoa azy ireo. Ny reniny dia nitahiry izany zavatra rehetra izany tao am- pony. <sup>52</sup> Fa Jesosy niha-nitombo fahendrena sy nitombo tena, ary nitombo fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona.

## Luke 2:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity dia mampiseho hoe nahoana Maria sy Josefa no nila nifindra ho an'ny fahaterahan'i Jesosy.

### Ary

Ity teny ity dia maneho ny fiantombohan'ny fizarana vaovao amin'ny tantara.

### Aogosto Kaisara

"Aogosto mpanjaka" na "Amperora Aogosto." Aogosto no amperora voalohany tamin'ny fanjakana Romana.

### nandefa didy mibaiko

Ity baiko ity dia mety nentin'ireo mpitondra hafatra nanerana ny fanjakana. DH: "naniraka mpitondra hafatra niaraka tamin'ny didy mibaiko"

### ny hanisana ny olona rehetra izay miaina eto amin'izao tontolo izao

DH: "ny handraisana'izy ireo ny anaran'ny olona rehetra mipetraka eto amin'izao tontolo izao" na "ny hanisan'izy ireo ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao ary hanoratra ny anaran'izy ireo"

### izao tontolo izao

"ny ampahan-tany izay anjakan'ny fanjakana Romana" na "ireo tanàna izay entin'ny amperora Romana"

### Kyrenio

Kyrenio dia voatendry ho governoran'i Siria.

### ny olon-drehetra dia nankany

"ny olona rehetra dia nanomboka"

### tanàna niaviany

Ity dia maneho ireo tanàna izay niainan'ireo razamben'ny olona. Mety niaina tamin'ny tanàna samihafa ireo olona. DH: "ny tanàna izay niainan'ireo razambeny"

### hisoratra anarana amin'ny fanisam-bahoaka

"mba ho voasoratra ao amin'ny fandraisana anarana ny anaran'izy ireo"

## Luke 2:4

### Josefa koa

Ity dia mampiditra an'i Josefa toy ny mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

### any amin'ny tanànan'i Davida

Ity dia fampahafantarana fototra momban'ny maha-zava-dehibe an'i Betlehema. Na dia tanàna kely aza izany, dia tao no teraka Davida, ary nisy faminaniana fa ho teraka ao ilay Mesia. DH: "izay nantsoina hoe tanànan'i Davida mpanjaka"

### satria izy dia avy amin'ny trano sy fianakavian'i Davida

"satria Josefa dia taranak'i Davida"

### mba hisoratra anarana

Ity dia midika hoe manome tatitra any amin'ny manam-pahefana any mba afahany mampiditra azy ao anaty isa.

### izay fofom-badiny

"izay nampanantenaina ho azy." Ny mpifankatia nirotsaka dia raisina ho mpivady ara-dalàna, fa tsy nisy fifandraisana ara-batana teo amin'izy ireo.

## Luke 2:6

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity dia milaza ny fahaterahan'i Jesosy sy ny fanambaran'ny anjely tamin'ny mpiandry ondry.

### Ary raha

Ity dia manamarika ny fiantombohan'ny tranga manaraka ao amin'ny tantara.

### raha mbola tany izy ireo

"raha tany Betlehema i Maria sy Josefa"

**tonga ny fotoana hiterahany ny zanany**  
"fotoana hiterahany ny zanany izany"

**nandrakotra lamban-jaza Azy**  
Ity dia fomba tsotra izay hiarovan'ny reny sy hiahiany ny zanany amin'izany kolontsina izany. DH: "nandrakotra bodofotsy mafana manodidina azy"

**nampandry Azy teo amin'ny fihinanam-bilona**  
Ity dia karazana tavy izay ametrahan'ny olona bozaka na sakafo hafa ho an'ny biby. Mety nadio izany ary mety nisy zavatra malemitemy sy maina teo amin'izany toy ny lafika ho an'ilay zaza. Ireo biby matetika dia notazomina teo akaikin'ny trano mba hiarovana azy ireo sy hanamora ny fanomezana sakafo azy ireo. Maria sy Josefa dia nipetraka tao amin'ny efitra izay nampiasaina ho an'ny biby.

**tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny hotely**  
"tsy nisy toerana hipetrahan'izy ireo tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny." Izany dia satria mety maro ny olona nankany Betlehema mba hisoratra anarana. Lioka nanampy ity ho fanampim-panazavana.

## Luke 2:8

**anjelin'ny Tompo**  
"anjely avy amin'ny Tompo" na "anjely izay nanompo ny Tompo"

**niseho tamin'izy ireo**  
"nanatona ireo mpiandry ondry"

**ny voninahitry ny Tompo**  
Ny loharanon'ilay hazavana mampirapiratra dia ny voninahitry ny Tompo, izay niseho niaraka tamin'ny anjely.

## Luke 2:10

**Aza matahotra**  
"Aza matahotra intsony"

**izay hitondra hafaliana lehibe ho an'ny olona rehetra**  
"izay hamalifaly be ny olona rehetra"

**ny olona rehetra**  
Ny sasany mahazo hoe maneho ny olona Jiosy ity. Ny sasany mahazo hoe maneho ny olona rehetra ity.

**tanànan'i Davida**  
Ity dia maneho an'i Betlehema

**Izao no famantarana izay homena anareo**  
"Andriamanitra dia hanome anareo izao famantarana izao" na "Hahita izao famantarana izao avy amin'Andriamanitra ianareo"

**ilay famantarana**  
"ilay porofo." Na ity mety ho famantarana hanaporofoina fa marina izay voalazan'ny anjely, na

mety ho famantarana izay manampy ireo mpiandry ondry hahafantatra ilay zaza.

## Luke 2:13

**tafiky ny lanitra lehibe**  
Ny teny hoe "tafiky ny lanitra" eto dia mety maneho tafik'anjely ara-bakiteny, na mety ho sariteny ho an'ny vondron'anjely voalamina izany. DH: "vondron'anjely lehibe avy any an-danitra"

**midera an'Andriamanitra**  
"manome dera an'Andriamanitra"

**Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny avo indrindra**  
Ireo dikateny azo atao: 1) "manome haja an' Andriamanitra any amin'ny toerana avo indrindra" na 2) "manome ny haja ambony indrindra ho an' Andriamanitra."

**hisy fiadanana anie eto an-tany eo amin'ny olona izay ankasitrahany**  
"hanana fiadanana anie ireo olona eto an-tany izay ankasitrahany Andriamanitra"

## Luke 2:15

**Ary rehefa**  
Ity fehezanteny ity dia nampiasaina mba hisitomana ao amin'ny tantara ny amin'izay nataon'ireo mpiandry ondry taorian'ny nandehanan'ireo anjely.

**teo amin'izy ireo**  
"teo amin'ireo mpiandry ondry"

**ndeha isika**  
"isika dia tokony"

**izany zava-nitranga izany**  
Ity dia maneho ny fahaterahan'ilay zaza, fa tsy ny fisehoan'ilay anjely.

**mandry eo amin'ny fihinanam-bilona**  
Ity dia karazana tavy izay ametrahan'ny olona bozaka na sakafo hafa ho an'ny biby. Jereo ny namadihanao izay tao amin'ny 2:6

## Luke 2:17

**izay nolazaina azy ireo**  
DH: "izay nolazain'ny anjely tamin'ireo mpiandry ondry"

**nitahiry ireny tao am-pony**  
ny tahiry dia zavatra tena manan-danja na sarobidy. Maria nandray ho tena sarobidy ireo zavatra nolazaina taminy momban'ny zanany lahy. DH: "nitadidy tsara ireny" na "nitadidy ireny am-pifaliana"

**niverina**  
"niverina tany amin'ny toerana fiandrasan'ondry"

**nanome voninahitra sy nankalaza an' Andriamanitra**  
Mitovitovy ireo ary manamafy ny hafalian'izy ireo tamin'izay vitan'Andriamanitra.

### Luke 2:21

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ireo lalàna nomen'Andriamanitra an'ireo mpino Jiosy dia nilaza azy ireo ny andro hamorana zazalahy sy ny sorona tokony entin'ireo ray aman-dreny.

**faran'ny andro fahavalo**  
"valo andro taorian'ny nahaterahany" na "valo taona izy"

**nomena anarana hoe**  
Josefa sy Maria no nanome Azy ny anarany

**ilay anarana nomen'ny anjely Azy**  
DH: "ny anarana izay niantsoan'ny anjely Azy"

### Luke 2:22

**Rehefa dila ny isan'ny andro notakiana ...**  
Ity dia mampiseho ny fandehan'ny fotoana mialohan'ity tranga vaovao ity.

**Isan'ny andro notakiana**  
DH: "ny isan'ny andro izay notakian' Andriamanitra"

**hidiovany**  
"ho azy ireo mba ho tonga madio ara-pomba." Afaka lazainao ihany koa ny anjaran' Andriamanitra. DH: "ho an'Andriamanitra mba handray azy ireo ho madio indray"

**mba hanolotra azy eo amin'ny Tompo**  
"mba hitondra azy eo amin'ny Tompo" na "hitondra azy eo amin'ny fanatrehan'ny Tompo."

**araka izay voasoratra**  
DH: "Araka izay nosoratan'i Mosesy" na "Nanao izao izy ireo satria nanoratra Mosesy"

**Ny lahy rehetra izay voalohan-teraka**  
ny hoe "voalohan-teraka" dia fomba fiteny izay maneho ny zanaka ateraka voalohanay. Ity dia sady maneho ny biby no olona. DH: "ny zanaka teraka voalohany izay lehilahy" na "ny zazalahy rehetra teraka voalohany"

**izay voalaza ao amin'ny lalàn'ny Tompo**  
"izay ambaran'ny lalàn'ny Tompo koa." Ity dia toerana hafa ao amin'ny lalàna. Izany dia maneho ny lehilahy rehetra, na teraka voalohany na tsia.

### Luke 2:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Rehefa tao an-tempoly Maria sy Josefa, dia nihaona tamin'ny olona roa: Simeona, izay nidera

an'Andriamanitra sy nanao faminaniana momba ilay zaza, sy mpaminany vavy iray hoe Ana.

**Indro**  
Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara. Mety manana fomba fitenenana izany ny fiteninao.

**marina sy mafana fo**  
Ireo teny saro-takarina ireo dia mety milaza hetsika. DH: "nanao izay ankasitrahana' Andriamanitra sy nankàtoa ny lalàn' Andriamanitra"

**fampiononana an'Israely**  
Ity dia manondro ireo fampiononana maro an' Israely rehefa tonga Mosesy. DH: "ilay iray izay hampionona an'Israely"

**to aminy ny fahahy**  
"niaraka taminy ny fanahy." Niaraka taminy tamin'ny fomba miavaka Andriamanitra ary nanome azy fahendrena sy lalana eo amin'ny fiainany.

**Nambaran'ny Fanahy Masina taminy**  
DH: "Ny Fanahy Masina nampiseho azy" na "Ny Fanahy Masina nilaza taminy"

**Tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny Kristin'ny Tompo izy**  
"hahita ny Mesian'ny Tompo izy mialohan'ny hafatesany"

### Luke 2:27

**nankany**  
Ny fiteny sasany dia mety hiteny hoe "nandeha"

**Notarihin'ny Fanahy**  
"araka ny nitondran'ny Fanahy azy"

**tany an-tempoly**  
"teo amin'ny kianjan'ny tempoly." Ireo mpisorona ihany no afaka miditra ao an-tempoly.

**ny ray aman-dreny**  
"ray aman-drenin'i Jesosy"

**ny fomba ao amin'ny lalàna**  
"ny fomba ao amin'ny lalàn'Andriamanitra"

**Ankehitriny avelao andeha am-piadanana ny mpanomponao**  
"mpanomponao aho; avelao aho andeha am-piadanana." Ny tenany ihany no lazain'i Simeona.

**andeha**  
midika hoe "ho faty"

**araka ny teninao**  
"araka izay nolazainao"

**Luke 2:30****ny masoko nahita**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "ny tenako no nahita" na hoe "izaho, mihintsy, no nahita"

**ny famonjenao**

Ity fomba fiteny ity dia maneho ilay olona izay hitondra ny famonjena. *Jesosy zazakely* izay notrotroin'i Simeona. DH: "ilay mpamonjy izay nirahinao" na "ilay iray nirahinao hamonjy"

**nomanina**

"natao hitranga"

**fahazavana**

Ity sariteny ity dia midika fa ilay zaza dia hanampy ny olona hahita sy hahazo ny fomba mitovy hanampian'ny hazavana ny olona hahita akaiky.

**ho fanambarana**

Mety ilaina ny mametraka izay ho ambara. DH: "izay hanambara ny fahamarinan'Andriamanitra"

**voninahitra ho an'Israely olonao**

"izy no ho antony atongavan'ny voninahitra amin'Israely olonao"

**Luke 2:33****ireo zavatra nolazaina mahakasika Azy**

DH: "Ireo zavatra izay nolazain'i Simeona momba Azy"

**niteny tamin'i Maria reniny**

"niteny tamin'ny renin'ilay zaza, dia i Maria." Kendreo tsy ho afangaro hoe Maria no renin'i Simeona.

**Indro**

Simeona nampiasa ity fomba fiteny ity mba hilazana an'i Maria fa tena zava-dehibe izay ho lazaina eo.

**ity zaza ity dia voatendry ho amin'ny fandavoana sy fanandratana ny olon'Israely maro**

Ny teny hoe "fandavoana" sy "fanandratana" dia maneho ny fiviliana amin'Andriamnitra sy fanakekezana an'Andriamanitra. DH: "ity zaza ity dia hahatonga ny olona hihemotra amin' Andriamanitra na hisandratra akaiky amin' Andriamanitra"

**ho famantarana izay nolavina**

"ho hafatra avy amin'Andriamanitra izay ho toherin'ny olona maro"

**hisy sabatra handoaka ny fanahinao**

Ity sariteny ity dia mamaritra ny alahelo lalina izay tsapan'i Maria. DH: "hanaintaina ny alahelonao toy ny hoe sabatra nandoaka ny fonao"

**mba ho voambara ny hevitra ny fo maro**

ny hoe "fo" dia maneho ny olona. DH: "ho ambara ny hevitra ny olona maro"

**Luke 2:36****Nisy mpaminany vavy antsoina hoe Ana teo**

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

**Fanoela**

ny "Fanoela" dia ilay anarana lehilahy iray

**taorian'ny naha-virjiny azy**

"taorian'ny nanambadiany azy"

**mpitondra tena nandritry ny efatra amby valopolo taona**

Ireo dikateny azo atao: 1) izy dia mpitondra tena nandritry ny 84 taona na hoe 2) izy dia mpitondra tena ary 84 taona izy amin'izao.

**tsy nandao ny tempoly mihintsy**

Ity dia mety fanatomboana resaka fotsiny izay midika fa nitoetra matetika tao an-tempoly izy ka lasa ohatran'ny hoe tsy nivoaka tao mihintsy izy. DH: "tao an-tempoly foana" na hoe "tao an-tempoly matetika"

**tamin'ny fifadian-kanina sy vavaka**

"tamin'ny alalan'ny fifadian-tsakafo tamin'ny fotoana maro sy tamin'ny alalan'ny fanolorana vavaka maro"

**nanatona akaiky azy ireo**

"nankany amin'i Maria sy Josefa"

**ny fanavotana an'i Jerosalema**

Eto ny teny hoe "fanavotana" dia nampiasaina hanehoana ilay olona izay hanao izany. DH: "ilay iray izay hanavotra an'i Jerosalema" na "ilay olona izay hitondra ny tso-dranon'Andriamanitra sy hamerina ny sitraka ho an'i Jerosalema.

**Luke 2:39****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Maria, Josefa, ary Jesosy dia nandao ny tanànan'i Betlehema ary niverina tany amin'ny tanàn-dehiben'i Nazareta ho an'ny fahazazany.

**nasaina nataony araka ny lalàn'ny Tompo**

DH: "izay notakian'ny lalàn'ny Tompo azy ireo ho atao"

**ny tanànan'izy ireo any Nazareta**

Ity fehezanteny ity dia midika fa nipetraka tany Nazareta izy ireo.

**nitombo fahendrena**

"lasa hendry kokoa" na "nianatra ny atao hoe fahendrena"

**ny fahasovan'Andriamanitra dia tao aminy**  
 "nitahy ahy ny Tompo" na "Andriamanitra dia  
 niaraka tamin'ny tamin'ny fomba miavaka"

### Luke 2:41

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tamin'ny Jesosy 12 taona, dia nankany Jerosalema  
 niaraka tamin'ny fianakaviany Izy. Rehefa tany Izy,  
 dia nametraka sy namaly fanontaniana an'ireo  
 mpampianatra tao an-tempoly.

#### **Ny ray aman-dreniny**

"ray aman-drenin'i Jesosy"

#### **dia nankany indray izy ireo**

Jerosalema dia avo nohon'ny ankamaroan'ny  
 toerana hafa any Israely, ka dia ara-dalàna  
 tamin'ireo Israelita ny niteny fa andeha hiakatra  
 an'i Jerosalema.

#### **araka ny fomba fanao**

"toy ny fanaon'izy ireo isan-taona"

#### **rehefa avy nitoetra tany nandritry ny andron'ny fety manontolo izy ireo**

"rehefa tapitra ny fotoana fankalazana ny fety" na  
 hoe "rehefa avy mankalaza ny fety mandritry ny  
 andro takiana"

#### **fety**

Ity dia anarana hafa ho an'ny Fankalazana ny  
 Paska, hatramin'ny nanaovana sakafon-danonana  
 ho amin'izany.

#### **nataon'izy ireo**

"noheverin'izy ireo"

#### **nandeha nandritry ny andro iray manontolo izy ireo**

"nandeha nandritry ny iray andro izy ireo" na hoe  
 "nandeha lavitra araka izay ataon'ny olona ao  
 anatin'ny andro iray izy ireo"

### Luke 2:45

#### **nony**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina teto mba  
 hanamarihana tranga manan-danja ao amin'ny  
 tantara. Raha manana fomba fandikana izany ny  
 fiteninao, dia afaka ampiasainao eto izany.

#### **tao an-tempoly**

Ity dia maneho ny kianja manodidina ny tempoly.  
 Ireo mpisorona ihany no afaka miditra ao an-  
 tempoly. DH: "eo amin'ny kianjan'ny tempoly" na  
 "any an-tempoly"

#### **teo afovoan'ny**

Ity dia tsy midika ny afovoany marina. Fa kosa,  
 midika hoe "eo amin'ireo" na "miaraka amin'ny" na  
 "voadidina"

#### **ireo mpampianatra**

"ireo mpampianatra relijiosy" na "ireo izay  
 nampianatra ny olona ny momban' Andriamanitra"

#### **Izay rehetra nandre Azy dia gaga**

Tsy takatr'izy ireo hoe ahoana no afahan'ny zaza  
 lahy roa ambin'ny folo taona izay tsy nianatra ny  
 ara-panahy mamaly tsara.

#### **tamin'ny fahalalany**

"ahoana ny alehiben'ny fahazoany" na hoe "fa  
 nahatakatra betsaka momban'Andriamanitra izy"

#### **ireo valin-teniny**

"Ahoana ny hatsaran'ny famaliany azy ireo" na "fa  
 namaly tsara ireo fanontaniana'izy ireo Izy"

### Luke 2:48

#### **Rehefa nahita Azy izy ireo**

"Rehefa nahita an'i Jesosy i Maria sy Josefa"

#### **Nahoana ianao no nanao toy izao anay?**

Ity dia fitenenana mafy an-kolaka satria tsy  
 nandeha niaraka tamin'izy ireo teny an-dalana hody  
 izy. DH: "tsy tokony nanao izao ianao!"

#### **Henoy**

Io teny io dia nampiasaina matetika mba  
 hampisehoana ny fiantombohan'ny tranga vaovao  
 manan-danja.

#### **Nahoana ianareo no nitady Ahy?**

Jesosy mampiasa fanontaniana roa mba hitenenana  
 mafy amini'ny halemam-panahy ireo ray aman-  
 dreniny, sy hanombohana miteny amin'izy ireo fa  
 nanana tanjona avy amin'ny Rainy any an-danitra  
 Izy izay tsy takatr'izy ireo. DH: "tsy nila niahiahy ny  
 momba Ahy ianareo"

#### **tsy fantatrarao ve ... trano?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana faharoa ity mba  
 hiezahana miteny fa tokony ho fantatrin'ny ray  
 aman-dreniny ny tanjona izay nanirahan'ny Rainy  
 Azy. DH: "Tokony ho fantatrarao ... trano"

#### **ny Raiko**

tamin'ny faha 12 taonany, Jesosy,  
 Zanak'Andriamanitra, dia nahatakatra fa  
 Andriamanitra no tena Rainy (fa tsy Josefa, vadin'i  
 Maria).

#### **ao an-tranon'ny Raiko**

Ireo dikateny azo atao: 1) "ao an-tranon'ny Raiko"  
 na 2) "momban'ny ataon'ny Raiko." Na amin'ny  
 tranga inona na inona, rehefa niteny Jesosy hoe "ny  
 Raiko" dia Andriamanitra no tiany lazaina. Raha  
 "trano" no tiany tenenina, dia ny tempoly no  
 asehony. Raha "atao" no lazainy, dia ny asa izay  
 nomen'Andriamanitra ho ataony no tiany ambara.  
 Fa hatramin'ny nitenenan'ny andininy manaraka teo  
 hoe tsy takatrin'ny ray aman-dreniny izay nolazainy

azy ireo, dia tsara kokoa ny tsy manazava betsaka izany.

**Luke 2:51**

**Nody niaraka tamin'izy ireo Izy**

"Jesosy nandeha nody niaraka tamin'i Maria sy Josefa"

**nankàtoa azy ireo**

"nankatoa azy ireo" na "mankatoa azy ireo foana"

**nitahiry izany zavatra rehetra izany tao am-pony**

Ireo zavatra izay ren'i Maria dia resahina toy ny hoe harena izay notahiriziny sy sarobidy taminy.

**tao am-pony**

Ity fomba fiteny ity dia maneho ny eritreriny lalina sy tena manokana aminy.

**niha-nitombo fahendrena sy nitombo tena**

"lasa hendry sy matanjaka." Ireo dia maneho ny fitomboana ara-tsaina sy ara-batana.

**Nitombo fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona**

Ity dia maneho ny fitomboana ara-panahy sy ara-tsosialy. Afaka sarahana izy ireo. DH:

"Andriamanitra nitahy azy bebe kokoa, ary ny olona niha-nitia azy bebe kokoa."

## Chapter 3

<sup>1</sup> Tamin'ny taona faha dimy ambin'ny folo nanjakan'i Tiberie Kaisara - fony Pontio Pilato no goveronoran'i Jodia, Heroda dia mpanapaka tao Galilia, Filipino ralahiny dia mpanapaka tao amin'ny faritra Ithoria sy Trakonitisy, ary Lysania dia mpanapak'i Abilena, <sup>2</sup> nandritry ny fisoronam-ben'i Aniasy sy Kaiafa - dia tonga tamin'i Jaona zanaka lahin'i Zakaria tany an'efitra ny tenin'Andriamanitra. <sup>3</sup> Nandeha tany amin'ireo faritra rehetra manodidina an'ny Jordana Izy, nitory ny batisan'ny fibebahana ho famelana ireo heloka. <sup>4</sup> Araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny tenin'ny Isaia mpaminany hoe: "Nisy feo iray niantso mafy avy any an'efitra hoe: 'Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo, ataovy mahitsy ny lalan-kalehany. <sup>5</sup> Ny lohasaha rehetra ho totofana, ary ny tendrombohitra sy ny havoana hahetry, ary ny lalana miholaka dia amboarina hahitsy, ary ny toerana mikitoantoana dia ho atao lalana, <sup>6</sup> ary ny nofo rehetra dia hahita ny famonjenan'Andriamanitra.'" <sup>7</sup> Koa niteny tamin'ireo vaohaka izay tonga ho ataony batisa i Jaona hoe: "Ianareo ry taranaky ny menarana! Iza no nampitandrina anareo mba handositra ny fahatezerana izay ho avy? <sup>8</sup> Noho izany, mamokara voa mendrika ny fibebahana, ary aza manomboka miteny ao anatinareo hoe: 'Izahay manana an'i Abrahama ho rainay,' fa miteny anareo aho fa Andriamanitra dia afaka manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto. <sup>9</sup> Ankehitriny aza ny famaky dia mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo. Koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia voakapa ary hatsipy any amin'ny afo." <sup>10</sup> Ary ireo vaohaka dia nanontany azy hatrany, niteny hoe: "Inona ary no ataonay?" <sup>11</sup> Namaly izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha misy olona manana akanjo lava roa, tokony mizara izany amin'ny olona iray izay tsy manana izy, ary izay manana sakafo koa dia tokony hanao toy izany." <sup>12</sup> Ireo mpamory hetra koa dia tonga mba hatao batisa, ary niteny tamin'ny hoe: "Mpampianatra o, inona no tsy maintsy ataonay?" <sup>13</sup> Izy niteny azy ireo hoe: "Aza manangona vola mihoatra noho izay nasaina halainareo." <sup>14</sup> Miaramila maromaro koa nanontany azy, niteny hoe: "Ahoana ny momba anay? Inona no tsy maintsy ataonay?" Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza maka vola amin'olona an-keriny, ary aza miapanga lainga olona. Mifalia amin'ny karamanareo." <sup>15</sup> Ary raha niandry fatratra ny fahatongavan'i Kristy ny vaohaka, dia nanontany tao am-pony ny mahakasikan'i Jaona ny tsirairay, na mety ho izy na tsy izy no Kristy. <sup>16</sup> Jaona namaly tamin'ny fitenenana azy rehetra hoe: "Raha ny amiko, dia manao batisa anareo amin'ny rano aho, fa misy olona iray ho avy izay mahery mihoatra ahy, ary tsy mendrika aho na dia hamaha ireo fehi-kapany aza. Hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo Izy. <sup>17</sup> Eo an-tanany ny fikororohany mba hanadiovana tsara ny ao am-pomoloany sy hanangonana ny vary ho any amin'ny sompiny. Fa ho dorany amin'ny afo tsy mety vonoina ny akofa." <sup>18</sup> Niaraka tamin'ny fananarana maro hafa ihany koa, Jaona nitory vaovao tsara ho an'ny vahoaka. <sup>19</sup> Heroda mpanapaka Rehefa nanarina nohon'ny fanambadiana ny vadin-drahalahiny Herodiasy, sy nohon'ny zavatra ratsy hafa rehetra izay vitany, <sup>20</sup> dia ho fanampin'izany rehetra izany, dia nidiny tany am-ponja Jaona. <sup>21</sup> Ary, rehefa vita batisa avokoa ny olona rehetra, dia natao batisa koa Jesosy, ary raha mbola nivavaka izy, dia nisokatra ny lanitra, <sup>22</sup> ary ny Fanahy Masina naka endrika ka nidina teo aminy tahaka ny voromailala, ary nisy feo avy any an-danitra nanao hoe: "Ianao no Zanaiko, malalako. Faly Aho nohon'ny aminao." <sup>23</sup> Rehefa nanomboka ny asa fanompoany Jesosy, dia teo amin'ny telo-polo taona teo Izy. Izy no zanaka lahin'i (araky ny fiheverana) Josefa, zanak'i Hely, <sup>24</sup> zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa. <sup>25</sup> Josefa dia zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata, <sup>26</sup> zanak'i Matatia, zanak'i Semey, zanak'i Joseka, zanak'i Joda. <sup>27</sup> Joda dia zanak'i Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiel, zanak'i Nery, <sup>28</sup> zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i kosama, zanak'i Elmadama, zanak'i Era, <sup>29</sup> zanak'i Josoa, zanak'i Eliezara, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i Levy. <sup>30</sup> Levy dia zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, <sup>31</sup> zanak'i Melea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davida, <sup>32</sup> zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona. <sup>33</sup> Nahasona dia zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina, zanak'i Army, zanak'i Hezrona, zanak'i Fazera, zanak'i Joda, <sup>34</sup> zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama, zanak'i Tera, zanak'i Nahora, <sup>35</sup> zanak'i Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'i Ebera, zanak'i Sela. <sup>36</sup> Sela dia zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa, zanak'i Lameka, zanak'i <sup>37</sup> Metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanak'i Kenana, <sup>38</sup> zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanak'Andriamanitra.

**Luke 3:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Araka ny nambaran'Isaia mpaminany mialoha, dia manomboka mitory vaovao mahafaly amin'ny olona i Jaona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireto andininy ireto dia mampahafantatra izay nitranga rehefa nanomboka ny asa fanompoany i Jaona.

**Tamin'ny taona faha-dimy ambin'ny folo nanjakan'i Tiberie Kaisara**

"Rehefa nanjaka nandritry ny dimy ambin'ny folo taona i Tiberie Kaisara"

**Filipo ... Lysania**

Ireo no anaran'ireo lehilahy

**Itoria sy Trakonitisy ... Abilena**

Ireo no anaran'ireo faritany

**Nandritry ny fisoronam-ben'i Aniasy sy Kaiafa**

"tamin'ny Aniasy sy Kaiafa mpisoronabe niara-nanompo." Aniasy dia mpisoronabe, ary ireo Jiosy dia nanohy nandray azy ho toy izany foana na dia taorian'ny nanondroan'ireo Romana ny vinanto lahiny, Kaiafa, hanolo azy ho mpisoronabe aza.

**tonga ny tenin'Andriamanitra**

"Andriamanitra niteny ny teniny"

**Luke 3:3****nitory ny batisa ny fibebahana**

Ny teny hoe "batisa" sy "fibebahana" dia azo lazaina hoe hetsika. DH: "ary nitory Izy fa ny olona dia tokony atao batisa mba hampisehoana fa nibebaka izy ireo"

**ho famelana ireo heloka**

Ny teny hoe "famelana" dia azo lazaina hoe hetsika. DH: "mba ho voavela ny helok'izy ireo" na hoe "mba ho avelan'Andriamanitra ny helok'izy ireo." Hibebaka izy ireo mba hamela ny helok'izy ireo Andriamanitra.

**Luke 3:4****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny mpanoratra, Lioka, dia maka teny avy amin'Isaia mpaminany mahakasika an'i Jaona mpanao batsia.

**Araka ny voasoratra ... mpaminany**

Ny andininy 4-6 dia teny nalaina avy tao amin' Isaia. DH: "Izany dia nitranga araka izay voasoratr'Isaia tao amin'ny bokiny" na "Jaona nanatanteraka ireo teny izay nosoratan'Isaia mpaminany tao amin'ny bokiny"

**Nisy feo iray niantso mafy avy any an'efitra hoe**

Ity dia afaka atao fehezanteny iray ihany. DH: "Nisy feo iray re niantso mafy avy any an'efitra" na "Nandre feon'olona iray niantso mafy avy any an'efitra izy ireo"

**Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo ... ataovy mahitsy ny lalan-kalehany**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika ihany

**Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo**

"Ataovy vonona ho an'ny Tompo ny lalana." Ny fanaovana ity dia maneho fa niomana hihaino ny hafatrin'ny Tompo rehefa tonga Izy. Ny olona dia manao ity ho fibebahana amin'ny helok'izy ireo. DH: "Mihomàna hihaino ny hafatrin'ny Tompo rehefa tonga Izy" na "Mibebaha ary mihomàna amin'ny fahatongavan'ny Tompo"

**Luke 3:5****Ny lohasaha rehetra ho totofana ... ny tendrombohitra rehetra sy ny havoana hahetry**

Rehefa manomana lalana ho an'ny olona ambony izay ho avy ny olona, dia manapaka ny toerana avo sy manototra ny toerana iva mba hitovy ambaratonga ny lalana. Ity dia anisan'ny sariteny izay nanomboka tao amin'ny andininy teo aloha.

**Ny lohasaha rehetra ho totofana**

DH: "Ho totofana'izy ireo ny toerana iva rehetra eny amin'ny lalana"

**ny tendrombohitra rehetra sy ny havoana hahetry**

DH: "Ho ataon'izy ireo mitovy ambaratonga avokoa ny tendrombohitra sy havoana rehetra" na "ho esorin'izy ireo avokoa ny toerana avo rehetra eny amin'ny lalana"

**hahita ny famonjen'Andriamanitra**

Afaka atao ho toy ny hetsika izany. DH: "Mianara ny fomba hamonjen'Andriamanitra ny olona amin'ny fahotana"

**Luke 3:7****Ianareo ry taranaky ny menarana**

Amin'ity sariteny ity Jaona dia mampitaha ny vahoaka amin'ny menarana, izay bibilava mahafaty sy mampidi-doza ary maneho ny ratsy. DH: "ianareo menarana ratsy misy poizina!" na "Ny olona dia tokony hiala lavitra aminareo toy ny handosiran'izy ireo menarana misy poizina!"

**Iza no nampitandrina anareo ... ho avy?**

Tsy tena nanantena azy ireo hamaly izy. Niteny mafy ireo olona Jaona satria izy ireo nangataka azy hanao batisa azy ireo mba tsy ho sazan' Andriamanitra, satria tsy te-hijanona hanota izy ireo. DH: "Tsy afaka mandositra ny hatezeran' Andriamanitra toy izao ianareo" na "tsy afaka handositra ny hatezeran'Andriamanitra amin'ny fanaovana batisa fotsiny ianareo"



**ny fahatezerana izay ho avy**  
ny teny hoe "hatezerana" dia nampiasaina eto mba hanehoana ny sazin'Andriamanitra satria mialoha izany ny hatezerany. DH: "ny sazy izay alefan'Andriamanitra" na "ny hatezeran' Andriamanitra izay ho asehony"

### Luke 3:8

**mamokatra voa mendrika ny fibebahana**  
Amin'ity sariteny ity, ny fitondran-tenan'ny olona iray dia ampitahaina amin'ny voa. Toy ny handrasana amin'ny zava-maniry iray mba hamokatra voa izay mifanaraka amin'izany karazana zava-maniry izany, dia handrasana amin'ny olona iray izay milaza fa nibebaka koa ny hiaina amin'ny fahamarinana. DH: "mamokatra ny karazana voa izay mampiseho fa nibebaka ianao" na "manao ireo zavatra tsara izay mampiseho fa niala tamin'ny fahotanao ianao"

**miteny ao anatinareo**  
"miteny amin'ny tenanareo" na "mieritreritra"

**Izahay manana an'i Abrahama ho rainay**  
"Abrahama dia razambenay" na "Taranak'i Abrahama izahay." Raha tsy mazava tsara hoe nahoana izy ireo no niteny izany, dia mety hampianao ity fanazavana ity hoe: "mba tsy ho sazin'Andriamanitra izahay"

**manangana zanaka ho an'i Abrahama**  
Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "mamorona zanaka ho an'i Abrahama" na "manao ny olona ho tonga taranak'i Abrahama."

**avy amin'ireto vato ireto**  
Jaona dia mety miresaka an'ireo vato eo amin'ny reniranon'i Jordana.

### Luke 3:9

**Ankehitriny ny famaky dia mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo**  
Ny famaky izay eo amin'ny toerany mba ho afaka hanapaka ny fakan'ny hazo izany dia sariteny ho an'ny famaizana izay efa hiantomboka. DH: Andriamanitra dia toy ilay lehilahy izay nametraka ny famakiny teo amin'ny fakan'ny hazo"

**ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia voakapa**  
DH: "kapainy avokoa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara"

**natsipy tany amin'ny afo**  
ny "afo" ihany koa dia sariteny ho an'ny famaizana.

### Luke 3:10

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jaona manombo mamaly ireo fanontaniana izay apetrakin'ny olona ao anatin'ny vahoaka azy.

**nanontany azy, niteny hoe**  
"nanontany azy ary nanao hoe" na "nanontany an'i Jaona"

**namaly ka niteny tamin'izy ireo hoe**  
"namaly azy ireo, nanao hoe" na "namaly azy ireo" na "nanao hoe"

**hanao toy izany**  
Ity dia maneho ny fizarana sakafo ho an'ireo izay mila izany. DH: "manome sakafo ho an'ny olona izay tsy manana mihintsy"

### Luke 3:12

**mba hatao batisa**  
"Jaona hanao batisa azy ireo"

**Aza manangona vola mihoatra**  
"Aza mangataka vola be loatra." Ireo mpitaky hetra dia nitaky vola be mihoatra amin'izay tokony ho takian'izy ireo. Tokony hijanona tsy hanao izany izy ireo.

**izay nasaina halainareo**  
Ity dia mampiseho fa ny fahefan'ny mpitaky hetra dia avy any Roma. DH: "noho izay nomen'ny Romana alalana ho alainareo"

### Luke 3:14

**Miaramila**  
"lehilahy manompo ao amin'ny tafika"

**Ahoana ny momba anay? Inona no tsy maintsy hataonay?**  
"Ahoana ny momba anay miaramila, inona no tsy maintsy hataonay?" Jaona dia tsy tafiditra ao anatin'ny teny hoe "anay" sy "izahay." Ireo miaramila dia te-hilaza fa Jaona no niteny ireo vahoaka sy mpitaky hetra izay tsy maintsy hataon'izy ireo ary te-hahafantatra izay ho ataon'izy ireo amin'ny maha-miaramila azy ireo.

**aza miapanga lainga olona**  
Nanao fiapangana tsy marina tamin'ny olona ireo miaramila mba hahazoana vola. Afaka atao mazava tsara izany. DH: "toy izany koa, aza miapanga lainga olona mba hahazoana vola avy amin'izy ireo" na "aza milaza fa nisy olona tsy manan-tsiny nanao zavatra tsy ara-dalàna"

**Mifalia amin'ny karamanareo**  
"Mahaiza mionona amin'ny karamanareo"

### Luke 3:15

**raha niandry ny vahoaka**  
"satria ny olona." Ireo olona nanatona an'i Jaona ihany no asehon'io.

**nanontany tao am-pony**  
Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "nieritreritra mangina ny momba azy ireo"

**Jaona namaly tamin'ny fitenenana**

Ny valin-tenin'i Jaona momban'ny olona lehibe iray izay ho avy dia milaza fa tsy Jaona no Kristy. Mety hanampy ny filazana mazava tsara izany ho an'ny mpihaino anao, toy ny ataon'ny Baiboly hafa hoe: "Tsia, tsy Izy aho"

**tsy mendrika na dia ny hamaha ireo fehin-kapany aza**  
Ny famahana fehin-kapa tamin'izany dia asan'ny andevo. Jaona dia nilaza fa ilay iray izay ho avy dia tena lehibe ka na Jaona aza tsy dia mendrika ny ho andevony.

**Hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo Izy**

Ity sariteny ity dia mampitaha batisa ara-bakiteny izay mitondra olona iray any amin'ny fifandraisana amin'ny rano mankany amin'ny batisa ara-panahy izay mitondra azy ireo any amin'ny fifandraisana amin'ny Fanahy Masina sy amin'ny afo.

**afo**

Eto ny teny hoe "afo" dia maneho ny 1) fitsaràna na 2) fanadiovana. Tsara kokoa ny memela izany ho "afo" ihany.

**Luke 3:17****Eo an-tanany ny fikororohany**

Josefa miresaka an'i Kristy ho avy hitsara toy ny hoe mpiompy izay vonona hanasaraka ny voam-bary amin'ny akofa. DH: "Mitazona fokororohana izy satria efa vonona" na "vonona hitsara toy ny mpiompy vonona hikororoho vary Izy"

**dorana ny akofa**

Ny akofa dia tsy ilaina na amin'ny inona na inona, ka doran'ny olona.

**Luke 3:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny tantara dia milaza izay hitranga amin'i Jaona fa tsy nitranga tamin'io andro io.

**Niaraka tamin'ny fananarana maro hafa**

"niaraka tamin'ny famporisihana mahery maro hafa"

**Heroda mpanapaka**

Heroda dia mpanapaka, fa tsy mpanjaka. Nametra fitsipika nanerana ny fanjakan'i Galilia fotsiny izy.

**nohon'ny fanambadiana ny vadin-drahalahiny Herodiasy**

"satria Heroda nanambady an'i Herodiasy, vadin'ny rahalahiny." Ratsy izany satria mbola velona ny rahalahin'i Heroda. Afaka atao mazava tsara izany. DH: "satria izy nanambady ny vadin'ny rahalahiny, Herodiasy, raha mbola velona ny rahalahiny"

**nidiny tany am-ponja Jaona**

"niteny ireo miaramilany izy mba handefa an'i Jaona ho ao am-ponja"

**Luke 3:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka ny asa fanompoany amin'ny fanaovany batisa.

**Ary**

Ity dia manamarika ny fiantombohan'ny tranga vaovao ao amin'ny tantara.

**rehefa vita batisa avokoa ny olona rehetra**

"rehefa nanao batisa ny olona rehetra Jaona." Ny fehezanteny hoe "ny olona rehetra" dia maneho ny olona nanatrika niaraka tamin'i Jaona.

**natao batisa**

"nataon'i Jaona batisa Jesosy." Mety hisy hikorontana ny mpihaino sasany hoe nanao batisa Jaona rehefa nidin'i Heroda tao am-ponja izy ao amin'ilay andininy teo aloha. Raha izany, di mety hanampy ny filazana azy ireo fa nitranga talohan'ny nisamborana azy ity. Ny Baiboly sasany dia manisys izao any amin'ny fiantombohan'ity andininy ity hoe: "Fa talohan'ny nandefasana an'i Jaona tany am-ponja"

**natao batisa koa Jesosy**

DH: "Jaona nanao batisa an'i Jesosy ihany koa"

**ny Fanahy Masina naka endrika ka nidina teo aminy**

"nidina teo amin'i Jesosy ny Fanahy Masina"

**Ianao no Zanako, malalako**

Andriamanitra Ray miresaka amin'ny zanany ("malalako"), Jesosy dia Andriamanitra ilay Zanaka, raha nidina teo amin'i Jesosy ilay Andriamanitra Fanahy. Ny olon'Andriamanitra dia mifankatia sy miara-miasa toy ny Ray, Zanaka, sy Fanahy.

**ny zanako, malalako**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**Luke 3:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Lioka dia manao lisitra ireo razamben'i Jesosy amin'ny alalan'ny laharan'ilay heverina ho rainy, dia Josefa.

**Rehefa**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fiovana avy amin'ny tantara mankany amin'ny fampahafantarana fototra momban'ny taona sy razamben'i Jesosy.

**Izy no zanaka lahin'i (araka ny fiheverana) i Josefa**

"Ny olona dia nihevitra fa zanak'i Josefa Izy"

**Zanak'i Hely, zanak'i Matata, zanak'i Levy**

Jereo ny fomba fandaharan'ny olona ireo razambe amin'ny fitenin'ao. Tokony hampiasa teny mitovy foana ianao amin'ny lisitra iray manontolo. Ireo azo

atao: 1) "Izay zanak'i Hely, izay zanak'i Matata, izay zanak'i Levy" na 2) "Josefa dia zanak'i Hely, Hely dia zanak'i Matata, izay zanak'i Levy" na 3) "Matata no rain'i Hely, Levy no rain'i Matata"

**Luke 3:25**

**Zanak'i Matitia, zanak'i Amosa ... Joda**  
Ity dia tohin'ny lisitr'ireo razamben'i Jesosy.

**Luke 3:27**

**Zanak'i Joanana, zanak'i Rase ... Levy**  
Ity dia tohin'ny lisitr'ireo razamben'i Jesosy.

**Luke 3:30**

**Zanak'i Simeona, zanak'i Joda ... Nahasona**  
Ity dia tohin'ny lisitr'ireo razamben'i Jesosy.

**Luke 3:33**

**zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina ... Sela**  
Ity dia tohin'ny lisitr'ireo razamben'i Jesosy.

**Luke 3:36**

**zanak'i Kenana. zanak'i Arpaksada ... Adama**  
Ity dia tohin'ny lisitr'ireo razamben'i Jesosy.

---

## Chapter 4

<sup>1</sup> Taorian'izany Jesosy, rehefa feno ny Fanahy Masina, dia niverina avy tany amin'ny reniranon'i Jordana, ary nentin'ny Fanahy Masina tany an'efitra <sup>2</sup> izay nakan'ny devoly fanahy Azy nandritry ny efapolo andro. Tsy nihinana na inona na inona Izy nandritra ireo andro ireo, ary tamin'ny fotoana farany dia noana Izy. <sup>3</sup> Ny devoly niteny taminy hoe: "Raha zanak'Andriamanitra Ianao, dia didio ho lasa mofo io vato io." <sup>4</sup> Jesosy namaly azy hoe: "Voasoratra hoe: 'Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona.'" <sup>5</sup> Avy eo nentin'ny devoly teny amin'ny toerana avo Jesosy ary nasehony Azy vetivety avokoa ny fanjakana rehetran'izao tontolo izao. <sup>6</sup> Ny devoly niteny taminy hoe: "Homeko anao ny fahefana rehetra sy ny famirapiratany rehetra, satria efa nomena ahy ireo, ary afaka omeko ny olona izay tiako omena azy. <sup>7</sup> Noho izany, raha miankohoka sy manompo ahy Ianao, dia ho lasanao izany." <sup>8</sup> Kanefa Jesosy namaly ka niteny azy hoe: "Voasoratra hoe: 'Hidera ny Tompo Andriamanitrao ianao, ary Izy irery ihany no ho tompoinao.'" <sup>9</sup> Avy eo ny devoly dia nitondra an'i Jesosy tany Jerosalema ary nataony teny amin'ny fara-tampon'ny tempoly, ary niteny taminy hoe: "Raha zanak'Andriamanitra Ianao, dia azerao avy ety ny tenenao." <sup>10</sup> Satria efa voasoratra hoe: 'Hibaiko ny anjely ny aminao Izy, mba hiaro anao,' <sup>11</sup> ary, 'Izy ireo hanandratra anao amin'ny tanany, mba tsy ho tafitohan'ny vato ny tongotra.'" <sup>12</sup> Namaly azy, Jesosy niteny hoe: "Efa nambara hoe: 'Aza maka fanahy ny Tompo Andriamanitrao.'" <sup>13</sup> Rehefa vita ny fangalan'ny devoly fanahy an'i Jesosy, dia lasa izy ary nandao Azy ambara pahatongan'ny fotoana hafa. <sup>14</sup> Avy eo Jesosy niverina tany Galilia tamin'ny herin'ny Fanahy, ary ny vaovao momba Azy dia efa niely nanerana ny faritra manodidina rehetra. <sup>15</sup> Dia nanomboka nampianatra tao amin'ny Synagoga'izy ireo Izy ary noderain'ny rehetra. <sup>16</sup> Nandeha tany Nazareta Izy, ilay tanana nahalehibe azy, ary araka ny fomba fanaony, dia niditra tao amin'ny Synagoga tamin'ny andro Sabata Izy ka nitsangana mba hamaky teny mafy. <sup>17</sup> Natolotra azy ny horonan-taratasin'Isaia mpaminany. Nosokafany ilay boky ary hitany ny toerana nanoratana azy, <sup>18</sup> "Ny Fanahin'ny Tompo dia ato amiko, satria Izy nanosotra ahy hilaza ny vaovao mahafaly ho an'ny mahantra. Izy no nandefa ahy hanambara fahafahana ho an'ireo babo, ary hamerina ny fahitana ho an'ny jamba, hanafaka ireo izay ampahoriana, <sup>19</sup> hanambara ny taom-pankasitrahan'Andriamanitra." <sup>20</sup> Avy eo dia naoriny ny taratasy, naveriny tany amin'ny mpitandrina, ary nipetraka Izy. Ny mason'ireo rehetra tao amin'ny Synagoga dia nibanjina Azy. <sup>21</sup> Nanomboka niresaka tamin'izy ireo Izy hoe: "Androany ity Soratra Masina ity dia tanteraka eo am-pihainoanareo." <sup>22</sup> Ny rehetra tao dia nilaza tsara ny momba Azy ary gaga tamin'ny tenim-pahasoavana izay naloaky ny vavany izy ireo, ary nanontany Izy ireo hoe: "Fa tsy ilay zanak'i Josefa ve ity?" <sup>23</sup> Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Azo antoka fa hilaza ity ohabolana ity amiko ianareo hoe: 'Dokotera, sitrano ny tenanao. Na inona na inona renay fa nataonao tao Kapernaomy, dia manoava toy izany any amin'ny taninao.'" <sup>24</sup> Nefa niteny Izy hoe: "Lazaiko marina aminareo, tsy misy mpaminany voaray ao amin'ny taniny. <sup>25</sup> Kanefa lazaiko marina aminareo fa maro ny vehivavy mpitondra-tena tany Israely tamin'ny andron'i Elia, raha nihidy ny lanitra nandritra ny telo taona sy enim-bolana, ary nisy mosary lehibe tonga teo amin'ny tany rehetra. <sup>26</sup> Nefa Elia tsy nalefa na tamin'iray tamin'izy ireo aza, fa tao Zerpata any Sidona ihany, tany amin'ny mpitondra tena izay nipetraka tany. <sup>27</sup> Fa maro ireo boka tao Israely tamin'ny andron'i Elisa mpaminany, nefa tsy nisy na dia iray tamin'izy ireo aza sitrana afa-tsy Namàna ilay Syriaana." <sup>28</sup> Ny olona rehetra tao amin'ny Synagoga dia heniky ny hatezerana rehefa nandre ireo zavatra ireo. <sup>29</sup> Nitsangana izy ireo, nanery Azy hiala ny tanàna, ary nandefa Azy teny an-tampon'ny havoana izay niorenan'ny tananan'izy ireo, mba hanjerana Azy amin'ny hantsana. <sup>30</sup> Nefa nandeha namakivaky teo afovoan'izy ireo Izy dia lasa nandeha tany amin'ny toeran-kafa. <sup>31</sup> Avy eo Izy dia nidina tany Kapernaomy, tanàna iray any Galilia, ary nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny Sabata Izy. <sup>32</sup> Izy ireo dia nitologaga tamin'ny fampianarana nataony, satria niteny tamin'ny fahefana Izy. <sup>33</sup> Ary tao amin'ny Synagoga dia nisy lehilahy izay nitoeran'ny fanahy maloton'ny demonia, ary izy dia nihikiaka tamin'ny feo mafy hoe: <sup>34</sup> "Ah! Inona no ifandraisanay aminao, ry Jesosy avy any Nazareta? Tonga mba hamotika anay ve Ianao? Fantatro hoe iza Ianao - ilay Iray Masin'Andriamanitra!" <sup>35</sup> Jesosy niteny mafy ilay demony, ka nanao hoe: "Aza miteny ary mialà ao aminy!" Rehefa nanipy ilay lehilahy hianjera teo afovoan'izy ireo ny demony, dia niala tao aminy, ary tsy nandratra azy akory. <sup>36</sup> Nitologaga avokoa ny olona rehetra, ary nanohy nifampiresaka ny momba izany. Niteny izy ireo hoe: "Fa teny toy ny ahoana re izany?" Baikoiny amin'ny fahefana sy hery ny fanahy maloto dia mivoaka." <sup>37</sup> Noho izany dia nanomboka niely nanerana ny faritra manodidina ny lazany. <sup>38</sup> Dia nandao ny synagoga Jesosy ary niditra tao an-tranon'i Simona. Ary nampijalian'ny tazo mahery ny rafozam-bavin'i Simona, ary niangavy taminy ho azy izy ireo. <sup>39</sup> Ka nijoro teo anoloany Izy ary niteny mafy ny tazo, dia niala taminy izany. Avy hatrany izy dia nitsangana ary nanomboka nanompo azy ireo. <sup>40</sup> Rehefa nilentika ny masoandro, dia nitondra ny olon-drehetra namarin'ny aretina maro samihafa teo amin'ny Jesosy ny olona. Nametra-tanana tamin'ny

tsirariray avy amin'izy ireo Izy ka nanasitrana azy ireo. <sup>41</sup> Ireo demony ihany koa dia niala tao amin'ny maro tamin'izy ireo, nihiakihaka mafy sy nilaza hoe: "Ianao no Zanak'Andriamanitra!" Jesosy niteny mafy ireo demonia ka tsy namela azy ireo hiteny, satria fantatr'izy ireo fa Izy no Kristy. <sup>42</sup> Vao mangiran-dratsy, dia nandeha tany amin'ny toerana mangingina Izy. Vahoaka maro be no nitady Azy ary nakeny amin'ny toerana izay nisy Azy. Izy ireo dia niezaka ny nihazona Azy mba tsy hiala eo amin'izy ireo. <sup>43</sup> Fa Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy maintsy mitory ny vaovao mahafaly momba ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny tanàna maro hafa ihany koa Aho, satria izany no antony nanirahina Ahy tety. <sup>44</sup> Avy eo Izy dia nanohy nitory tao amin'ireo synagoga manerana an'i Jodia.

## Luke 4:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ny devoly mihaona amin'i Jesosy mba haka fanahy Azy hanota rehefa avy mifady hanina mandritry ny 40 andro Jesosy.

### Avy eo Jesosy

Ity dia maneho ny taorian'ny nanaovan'i Jaona batisa an'i Jesosy DH: "Rehefa vita batisa Jesosy"

### nentin'ny Fanahy Masina

DH: "notarihan'ny Fanahy Izy"

### nakana fanahy Azy nandritry ny efapolo andro

Ireo dikanten'ny sasany dia milaza fa nandritr'ilay efapolo andro Jesosy no nalaina fanahy. Ny Baiboly hafa mba hampazava izany tsara dia manao hoe: "Rehefa tany Izy, dia naka fanahy Azy ny devoly"

### nakan'ny devoly fanahy Azy

"naka fanahy Azy ny devoly mba tsy hankàtoa an'Andriamanitra Izy."

### tsy nihinana na inona na inona Izy

Ny teny hoe "Izy" eto dia maneho an'i Jesosy.

## Luke 4:3

### Raha zanak'Andriamanitra ianao

Ny devoly nanao fanamby taminy mba hanao fahagagana hanaporofoana fa Izy no "Zanak'Andriamanitra"

### io vato io

na ilay devoly nitazona ilay vato teny an-tanany na nanondro vato teo akaiky teo.

### Jesosy namaly azy

Ny fandavan'i Jesosy ny fanambin'ilay devoly dia voalaza mazava ao amin'ny valin-teniny. Mety hanampy ny filazana izany mazava tsara ho an'ny mpihainonao, toy ny ataon'ny Baiboly hafa hoe: "Jesosy namaly hoe: 'tsia, tsy hanao izany Aho"

### voasoratra hoe

Ilay teny nindramina dia avy ao amin'ny asa soratr'i Mosesy ao amin'ny Testamenta Taloha. DH: "Nosoratan'i Mosesy tao amin'ny Soratra Masina"

### Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona

Ny teny hoe "mofo" dia maneho ny sakafo amin'ny ankapobeny. Jesosy dia namerina ny teny tao amin'ny Soratra Masina mba hilazana ny antony tsy namadihany ilay vato ho mofo. DH: "Ny olona dia tsy afaka hivelona amin'ny mofo fotsiny" na "tsy ny sakafo ihany no mampiaina ny olona" na "Andriamanitra miteny fa mbola misy zavatra lehibe nohon'ny sakafo"

## Luke 4:5

### toerana avo

"tendrombohitra avo"

### nomena ahy ireo

Ireo dikateny azo atao dia ny hoe "ireo" dia maneho ny 1) fahefana sy hatsaran'ireo fanjakana na 2) ireo fanjakana. DH: "Nomen' Andriamanitra ahy ireo"

### raha miankohona ... manompo ahy

Ireo fehezanten'ny roa ireo dia mitovitovy. Afaka atamnbatra ireo. DH: "raha miankohoka manompo ahy Ianao"

### ho lasanao izany

"Homeko anao ireo fanjakana rehetra ireo, miaraka amin'ny hatsarany"

## Luke 4:8

### Fa Jesosy namaly ... voasoratra hoe

Ity dia milaza fa Jesosy nandà tsy hanao izay nangatahin'ny devoly. Mety hanampy ny filazana izany fehezanten'ny mazava tsara amin'ny mpihainonao. DH: "Fa Jesosy namaly hoe: 'Tsia, tsy hanompo anao Aho, satria voasoratra hoe'"

### voasoratra hoe

DH: "Nosoratan'i Mosesy tao amin'ny Soratra Masina"

### Hidera ny Tompo Andriamanitrao ianao

Jesosy dia nitanisa ny didy avy ao amin'ny Soratra Masina mba hilazana ny antony tsy hanompoany ilay devoly.

### ianareo

Ity dia maneho ireo olona ao amin'ny Testamenta Taloha izay nandray ny lalàn' Andriamanitra. Afaka

ataonao "ianao" ilay "ianareo" satria ny olona tsirairay no hankatoa.

#### Izy

Ny teny hoe "Izy" dia maneho ny Tompo Andriamanitra.

#### Luke 4:9

##### fara-tampony

Ity dia sisin'ilay tafon'ny tempoly. Raha misy olona mianjera avy eny, dia haratra izy na ho faty.

##### Zanak'Andriamanitra

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

##### azerao ny tenanao

"mianjeraha amin'ny tany"

##### Satria efa voasoratra hoe

Ny devoly dia milaza fa ity teny nalaina tao amin'ny Salamo ity dia midika fa tsy haratra Jesosy raha Izy no zanak'Andriamanitra. DH: "Tsy haratra ianao, satria voasoratra hoe"

##### voasoratra hoe

DH: "Ny mpanoratra dia nanoratra hoe"

##### Hibaiko Izy

Ny "Izy" dia maneho an'Andriamanitra.

#### Luke 4:12

##### Efa nambara hoe

Jesosy milaza ilay devoly ny antony tsy hanaovany izay asain'ny devoly ataony. Ny fandavany hanao izany dia afaka atao mazava tsara. DH: "Tsia, tsy hanao izany Aho, satria efa nambara hoe"

##### Efa nambara hoe

Jesosy naka teny avy ao amin'ny asa-soratr'i Mosesy ao amin'ny Deutoronomy. DH: "Mosesy nilaza hoe" na "Mosesy nilaza tao amin'ny Soratra Masina hoe"

##### Aza maka fanahy ny Tompo Andriamanitrao

Ireo dikateny azo atao: 1) Jesosy dia tsy tokony haka fanahy an'Andriamanitra amin'ny fianjerana avy eny amin'ny tempoly, na 2) Ny devoly dia tsy tokony haka fanahy an'i Jesosy mba hijerena raha Izy no Zanak'Andriamanitra. Tsara kokoa ny mandika ny andininy araka izay voasoratra nohon'ny miezaka manazava ny dikany.

##### vita ny fangalana fanahy an'i Jesosy

Ity dia tsy milaza fa nahomby ny devoly tamin'ny fakany fanahy. Niaritra ny fakana fanahy rehetra Jesosy. DH: "rehefa nahavita niezaka naka fanahy an'i Jesosy" na "nijanona tsy naka fanahy Azy"

#### Luke 4:14

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Niverina tany Galilia Jesosy, nampianatra tao amin'ny synagoga, ary niteny ireo olona tany fa

hanatanteraka ny Soratra Masin'Isaia mpaminany Izy.

#### Avy eo Jesosy

Ity dia manomboka tranga vaovao ao amin'ny tantara.

##### tamin'ny herin'ny Fanahy

"ary ny Fanahy nanome hery Azy." Andriamanitra dia niaraka tamin'ny Tompo tamin'ny fomba miavaka, nanome fahafahana Azy hanao ireo zavatra izay tsy afaka ataon'ny olombelona foana.

##### niely ny vaovao momba Azy

Ireo izay nandre an'i Jesosy nilaza ny momba Azy tamin'ny olona hafa, ary avy eo ireo olona hafa ireo nilaza ny momba Azy tamin'ny olona maro hafa kokoa aza. DH: "ny olona nanaparitaka ny vaovao momban'i Jesosy" na "ny olona nilaza tamin'ny olona hafa ny momban'i Jesosy"

##### nanerana ny faritra manodidina rehetra

Ity dia maneho ireo faritra na toerana manodidina an'i Galilia.

##### noderain'ny rehetra

"ny rehetra dia nilaza zavatra tsara momba Azy avokoa" na "ny olona rehetra dia niresaka ny momba Azy tamin'ny fomba tsara"

#### Luke 4:16

##### ilay tanàna nahalehibe Azy

"ny tanàna nipetrahany tamin'Izy mbola kely" na "ny tanàna naha-lehibe Azy"

##### araka ny fomba fanaony

"araka ny nataony isakin'ny Sabata." Fomba fanaony mahazatra ny mandeha mankany amin'ny synagoga amin'ny andron'ny Sabata.

##### natolotra azy ny horonan-taratsin'Isaia mpaminany

DH: "nisy olona nanome azy ilay horonan-taratsin'Isaia mpaminany"

##### ny horonan-taratsin'Isaia mpaminany

Ity dia maneho ny bokin'Isaia nosoratana tao anaty horonan-taratasy. Efa an-taona maro tany aloha no nanoratan'Isaia ireo teny, ary nisy olona hafa nandika izany tao anaty horonan-taratasy.

##### ny toerana nanoratana azy

"ny toerana ao anatin'ilay horonan-taratasy miaraka amin'ireo teny ireo." Ity fehezanteny ity dia mitohy ao amin'ireo andininy manaraka.

#### Luke 4:18

##### Ny Fanahin'ny Tompo dia ato amiko

"Ny Fanahy Masina dia miaraka amiko amin'ny fomba miavaka." Rehefa misy olona miteny ity, dia mitaky ny hiteny ny tenin'Andriamanitra izy.

**Nanosotra ahy Izy**

Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny menaka fampiasa amin'ny fombafomba dia ahosotra amin'ny olona rehefa nomena hery sy fahefana hanao asa miavaka izy ireo. Jesosy mampiasa ity sariteny ity mba anehoana ny Fanahy Masina ao aminy izay hanomana azy ho amin'ny asany. DH: "ny Fanahy Masina dia ao amiko mba hanome hery ahy" na "nomen'ny Fanahy Masina hery sy fahefana aho"

**ny mahantra**

"ny olona mahantra"

**hanambara fahafahana ho an'ireo babo**

"teneno ireo olona izay babo fa afaka mandeha malalaka izy ireo" na "manafaka ireo babo an'ady"

**hamerina fahitana ho an'ny jamba**

"hanome fahitana ho an'ny jamba" na "hampahiratra ny jamba indray"

**hanafaka ireo izay ampahoriana**

"hanafaka ireo izay ampijaliana"

**hanambara ny taom-pankasitrahan' Andriamanitra**

"hilaza amin'ny rehetra fa vonona hitso-drano ny olony ny Tompo" na "hanambara fa ity ny taona izay hampisehoan'ny Tompo ny hatsaram-panahiny"

**Luke 4:20****mpitandrina**

Ity dia maneho mpiasan'ny synagoga iray izay namoaka sy nanala tamim-pitandremana tsara sy fanehoana fanajana ilay horonan-taratasy misy ny Soratra Masina.

**nibanjina Azy**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "nifantoka taminy" na "nijery Azy tsara"

**Ity Soratra Masina ity dia tanteraka eo am-pihainoanareo**

Jesosy dia milaza fa nanatanteraka izany faminaniana izany Izy tamin'ny asa sy teniny tamin'izany fotoana izany. DH: "Hanatanteraka izay voalazan'io Soratra Masina io Aho izao nareo mihaino Ahy izao"

**eo am-pihainoanareo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "Rehefa mihaino Ahy ianareo"

**gaga tamin'ny tenim-pahasoavana izay naloaky ny vavany**

"gaga tamin'ireo tenim-pahasoavana izay nolazainy." Eto ny "fahasoavana" dia mety meneho ny 1) fahaizan'i Jesosy miresaka na ny fahaizany mandresy lahatra, na 2) fa Jesosy niresaka teny momban'ny fahasoavan' Andriamanitra.

**Fa tsy ilay zanak'i Josefa ve ity?**

Ny olona dia nihevitra fa Josefa no rain'i Jesosy. Josefa dia tsy mpitarika relijiosy, ka dia gaga izy ireo hoe mitory izay nataony ny zanany. DH: "Zanak'i Josefa fotsiny io!" na "Josefa ihany no rainy!"

**Luke 4:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nazareta dia ilay renivohitra nahabe an'i Jesosy

**Azo antoka**

"tsy hisalasalana." Ity dia fanamafisana lehibe.

**Dokotera, sitrano ny tenanao!**

Raha tsy hita salama ny dokotera iray, dia tsy misy antony tokony hinoana fa tena dokotera izy. Rehefa niteny io ohabolana io tamin'i Jesosy ny olona, dia te-hilaza izy ireo hoe tsy mino fa mpaminany Izy satria tsy manana endrika mpaminany.

**Na inona na inona renay ... dia manaova tahaka izany any amin'ny taninao**

Ny olona tao Nazareta dia tsy nino fa mety ho mpaminany Jesosy nohon'ny toerana ambany misy Azy amin'ny maha-zanak'i Josefa Azy. Tsy hino izy ireo raha tsy mahita Azy manao fahagagana.

**Lazaiko marina aminareo**

"Tena marina izao." Ity dia fehezanteny manamafy ny momba izay manaraka eo.

**tsy misy mpaminany voaray ao amin'ny taniny**

Jesosy manao io fanambarana io mba hitenenana mafy ny olona. Ny tiany lazaina dia hoe mandà tsy hino ny tatitra tamin'ireo fahagagany tao Kapernaomy izy ireo. Nihevitra izy ireo fa efa fantatr'izy ireo avokoa ny momba Azy.

**taniny**

"tanàna niaviany" na "tanàna izay nahalehibe azy"

**Luke 4:25****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy mampatsiahy ny olona, izay mihaino Azy ao amin'ny synagoga, ny momban'i Elia sy Elisa izay mpaminany fantatr'izy ireo.

**raha ny tena marina dia lazaiko aminareo**

"lazaiko marina aminareo." Ity fehezanteny ity hanamafisana ny maha-zava-dehibe sy marina amin'ny fanambarana manaraka.

**mpitondra tena**

Ny mpitondra tena dia vehivavy izay maty vady.

**tamin'ny andron'i elia**

Ny olona izay noresahan'i Jesosy dia tokony mahalala fa Elia dia iray tamin'ireo mpaminanin' Andriamanitra.

**raha nihidy ny lanitra**

Ity dia sariteny. Ny lanitra dia alaina sary toy ny valin-drihana izay nihidy, ka tsy hisy orana hilatsaka avy amin'izany. DH: "rehefa tsy nisy orana nilatsaka avy eny an-danitra" na "rehefa tsy nisy orana intsony

**mosary lehibe**

"tsy fahampian-tsakafo."

**tao Zerapata ... tany amin'ny mpitondra tena izay nipetraka tany**

Ny olona izay mipetraka ao amin'ny renivohitry Zerapa dia Jentilisa fa tsy Jiosy. Ny olona izay nihaino an'i Jesosy dia tokony nahalala fa Jentilisa ny olon'i Zerapa. DH: "mpitondra tena jentilisa mipetraka ao Zerapa"

**Namàna ilay Syria**

Ny olona ao Syria dia Jentilisa, fa tsy Jiosy. DH: "Namàna jentilisa avy ao Syria"

**Luke 4:28**

**Ny olona rehetra tao amin'ny snagoga dia heniky ny hatezerana avokoa rehefa nandre ireo zavatra ireo**  
Ny olon'ny Nazareta dia tohina tanteraka tamin'i Jesosy nitanisa Soratra Masina izay nanampian' Andriamanitra ireo Jentilisa fa tsy ireo Jiosy.

**nanery Azy hiala ny tanàna**

"nanery Azy handao ny tanàna"

**nandeha namakivaky teo afovoan'izy ireo Izy**  
"namakivaky teo afovoan'ny vahoaka" na "teo afovoan'ny olona izay niezaka ny hamono Azy."

**lasa nandeha tany amin'ny toeran-kafa Izy**  
"nanohy ny lalany Izy" Jesosy nanadeha tany amin'ny toerana efa nomaniny andehanana fa tsy tany amin'ny naneren'ny olona Azy handehanana.

**Luke 4:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy nakao Kapernaomy, nampianatra ny olona tao amin'ny synagoga tany, dia avy eo nandroaka demonia hiala amin'ny lehilahy iray.

**Avy eo Izy**

"Avy eo Jesosy." Ity dia maneho tranga vaovao.

**nidina tany Kapernaomy**

ny teny hoe "nidina" dia nampiasaina eto satria Kapernaomy dia ambany noho Nazareta.

**Kapernaomy, tanàna iray ao Galilia**

"Kapernaomy, tanàna iray hafa ao Galilia."

**nitolagaga**

"tena talanjona" na "naiky volana" na "gaga"

**niteny tamin'ny fahefana Izy**

"manan-danja be ny teniny"

**Luke 4:33****Ary nisy lehilahy**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina hanamarihana ny fampidirana mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara; raha ny eto, dia ilay lehilahy misy demonia iray.

**nitoeran'ny fanahy maloton'ny demonia**

"izay nitoeran'ny demonia maloto" na "izay nanjakan'ny fanahy ratsy"

**Inona no hifandraisanay aminao**

Ity valin-teny tia ady ity dia fomba fiteny izay midika hoe: "Inona no iombonantsika?" na hoe "inona no zo tokony anelingelenanao anay?"

**Inona no hifandraisanay aminao, ry Jesosy avy any Nazareta?**

Ity fanontaniana ity dia afaka soratana toy ny fanambarana. DH: "Tsy manana zo hanelingelina anay Ianao, ry Jesosy avy any Nazareta!"

**Luke 4:35****mialà ao aminy**

Nibaiko ilay demonia Izy mba tsy hanjaka ilay lehilahy intsony. DH: "avelao izy" na "aza mitoetra ao amin'io lehilahy io intsony"

**Fa teny toy ny ahoana re izany?**

Ny olona dia naneho ny fahatairan'izy ireo fa nanana fahefana handroaka demonia hiala amin'ny olona Jesosy. DH: "teny mahagaga izany" na "mahagaga ny teniny!"

**Baikony amin'ny fahefana sy hery ny fanahy maloto**

"Manana fahefana sy hery handroaka fanahy maloto Izy"

**nanomboka niely ny lazany**

"nanomboka niparitaka ny tatitra momban'i Jesosy" na "nanomboka naporitaky ny olona ny vaovao momban'i Jesosy"

**Luke 4:38****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola ao Kapernaomy, fa amin'izao Izy ao amin'ny tranon'i Simona, izay nanasitranany ny rafozam-bavin'i Simona sy olona maro.

**rafozam-bavin'i Simona**

rafozana "renin'ny vadin'i Simona"

**nampijalian'ny**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "narary mafin'ny"



**tazo mahery**

"nafana be ny hodiny"

**niangavy taminy ho azy ireo**

Ity dia midika fa nangataka tamin'i Jesosy izy ireo mba hanasitrana azy amin'ny tazony. DH: "nangataka an'i Jesosy mba hanasitrana azy amin'ilay tazo" na "nangataka an'i Jesosy mba hanasitrana ny tazony"

**Ka nijoro Izy**

Ny teny hoe "ka" dia manazava tsara fa nanao izany Izy satria niangavy taminy ho an'ny rafozam-bavin'i Simona ny olona.

**nijoro teo anoloany**

"nanatona azy ary niankina taminy"

**niteny mafy ny tazo**

"niteny mafy tamin'ilay tazo" na "nandidy ilay tazo mba hiala aminy" Mety hanampy ny filazana izay nasainy nataon'ilay tazo. DH: "nibaiko fa tokony ho lasa tsara ny hodiny" na "nibaiko ilay aretina mba hiala aminy"

**nanomboka nanompo azy ireo**

Eto izany dia midika fa nanomboka nanomana sakafo ho an'i Jesosy sy ireo olona hafa tao an-trano izy.

**Luke 4:40**

**nametra-tanana tamin'ny**

"nametraka ny tanany teo ambony" na "nikasika"

**Ireo demony ihany koa dia niala**

Izany dia midika fa nahavita namoaka ny demonia tao amin'ilay olona nisy demonia Jesosy. DH: "nanery ny demonia hiala ihany koa Jesosy"

**nihakiaka mafy sy nilaza hoe**

Midika zavatra iray ihany ireo, ary mety maneho hiakan-tahotra na hatezerana. Ny dikateny sasany dia teny iray ihany no hampiasainy.

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy

**Luke 4:42**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Na dia tian'ny olona hijanona tao Kapernaomy aza Jesosy, dia nandeha nitory tany amin'ny synagoga jody hafa Izy.

**toerana mangingina**

"toerana karakaina" na "toerana izay tsy nisy olona"

**tanàna maro hafa**

"amin'ireo olona any amin'ny tanàna hafa"

**izany no antony nanirahana Ahy tety**

DH: "Izany no antony nanirahan'Andriamanitra Ahy tety"

**Jodia**

Hatramin'ny naha-tao Galilia an'i Jesosy, ny teny hoe "Jodia" eto dia mety maneho ny faritra iray manontolo izay niainan'ireo Jiosy tamin'izany fotoana izany. DH: "izay nipetrahan'ireo Jiosy"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Ary izao no nitranga, raha nitangorona nanodidina an'i Jesosy ireo olana ary nihaino ny tenin' Andriamanitra, dia nitsangana teo amoron'ny farihin'i Genesareta Izy. <sup>2</sup> Nahita sambokely roa nijanona teo amoron'ny farihy Izy. Efa nivoaka tao ireo mpanjono ary nanasa ireo haratony. <sup>3</sup> Niditra tao amin'ny iray tamin'ireo sambokely Jesosy, izay an'i Simona, ary nangataka azy mba handefa izany eny amin'ny rano lavidavitra ny tanety. Avy eo dia nipetraka Izy ka nampianatra ireo olona teny ivelan'ny sambokely. <sup>4</sup> Rehefa nitsahatra niteny Izy, dia niteny tamin'i Simona Izy hoe: "Ento ny ho any amin'ny rano lalina kokoa ny sambokely dia halatsao ny haratonareo mba ahazoanareo hazandrano." <sup>5</sup> Simona namaly Azy ka niteny hoe: "Tampo o, efa niasa ny alina tontolo izahay, fa tsy nahazo na inona na inona, fa nohon'ny teninao, dia ho halatsako ireo harato." <sup>6</sup> Rehefa nataon'izy ireo izany, dia nahangona hazandrano maro dia maro izy ireo, ary nitriatra ireo haraton'izy ireo. <sup>7</sup> Koa nanao fihetsika tamin'ireo namany izay tao anatin'ilay sambokely iray hafa izy ireo fa izy ireo fa tokony ho avy ary hanampy azy ireo. Dia tonga izy ireo ka nameno ny sambokely roa, ka dia nanomboka nilentika izy ireo. <sup>8</sup> Fa Simona Petera, raha vao nahita izany, dia niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy, niteny hoe: "Mialà amiko, fa lehilahy mpanota aho." <sup>9</sup> Fa gaga izy, sy ireo izay rehetra niaraka taminy, nohon'ny haben'ny hazandrano izay azon'izy ireo. <sup>10</sup> Tao anatin'izany Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, izay mpiara miasa amin'i Simona. Jesosy niteny tamin'i Simona hoe: "Aza matahotra, fa manomboka izao dia hanarato olona ianao." <sup>11</sup> Rehefa nentin'izy ireo teny an-tanety ny sambokelin'izy ireo, dia namela ny zavatra rehetra izy ireo ka nanaraka Azy. <sup>12</sup> Dia nitranga izao raha mbola tao amin'ny iray tamin'ireo tanàna Izy, dia nisy lehilahy feno habokana teo. Nony nahita an'i Jesosy izy, dia niankohoka teo Aminy ary nitalaho taminy, nanao hoe: "Tampo, raha mety ianao, dia afaka manadio ahy." <sup>13</sup> Ary dia naninjitra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, niteny hoe: "Mety aho. Madiova." Teo noho eo dia afaka taminy ny habokana. <sup>14</sup> Norarany izy mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza, fa nolazainy taminy hoe: "Zory ny lalanao, misehoa amin'ny mpisorona ary manolara sorona ho an'ny fanadiovana anao, araka izay nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo." <sup>15</sup> Kanefa ny tatitra momba Azy dia niely lavitra kokoa aza, ary vaohaka maro be no niara-tonga mba hihaino Azy nampianatra ary mba ho sitrana amin'ny aretin'izy ireo. <sup>16</sup> Kanefa matetika Izy dia niala nankany any amin'ny tany foana ary nivavaka. <sup>17</sup> Ary tamin'ny andro iray tamin'ireo andro nampianarany, dia nisy Fariseo sy mpampiana-dalàna nipetraka teo izay avy amin'ny tanàna samihafa ao amin'ny faritry Galilia sy Jodia, ary ihany koa avy ao amin'ny tanànan'i Jerosalema. Ny herin'ny Tompo no tao aminy mba hanasitrana. <sup>18</sup> Ary nisy lehilahy sasany tonga, nitondra lehilahy anankiray izay voan'ny paralisisa teo amin'ny fandriana, ary izy ireo dia nitady fomba hitondrana azy ao anatin'ny mba hametrahana azy ho eo anoloan'i Jesosy. <sup>19</sup> Tsy nahita fomba hampidirana azy tao anatin'ny izy ireo noho ireo vahoaka, noho izany dia nankany amin'ny tampo-trano izy ireo ary nampidina ny fandrian'ilay lehilahy avy eo an-tafo trano, tamin'ny fandriany, teo afovoan'ny olona, teo anoloan'i Jesosy. <sup>20</sup> Rehefa nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy hoe: "Ralehilahy, voavela ny helokao." <sup>21</sup> Nanomboka nanontany ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo, ka niteny hoe: "Iza moa ity izay miteny ratsy ity? Iza no afaka mamela ny fahotana afa-tsy Andriamanitra irery ihany?" <sup>22</sup> Fa Jesosy, nahalala izay noeritreretin'izy ireo, namaly ary niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no manontany izany ao am-ponareo?" <sup>23</sup> Inona no mora lazaina kokoa: 'Voavela ny helokao' sa ny miteny hoe: 'Mitsangana ary mandehana?' <sup>24</sup> Nefa mba hahafantaranareo fa ny Zanak'Olona dia manam-pahefana hamela heloka eto an-tany, dia lazaiko aminao, mitsangàna, ento ny fandrianao ary mandehana any an-tranonao." <sup>25</sup> Teo noho eo dia nitsangana teo anoloan'izy ireo izy ary naka ilay fandriana izay nandriany. Avy eo dia niala nankany an-tranony izy, nanome voninahitra an'Andriamanitra. <sup>26</sup> Talanjona ny rehetra ary nanome voninahitra an'Andriamanitra izy ireo. Feno tahotra izy ireo, niteny hoe: "Nahita zava-mahagaga isika androany." <sup>27</sup> Taorian'ny nitrangan'ireo zavatra ireo, dia niala teo i Jesosy ka nahita mpamory hetra iray izay antsoina hoe Levy nipetraka teo amin'ny trano lain'ny mpamory hetra. Niteny taminy Izy hoe: "Manaraha Ahy." <sup>28</sup> Dia nitsangana i Levy ka nanaraka Azy, ka namela ny zava-drehetra. <sup>29</sup> Dia nanao fanasana lehibe tao an-tranony ho an'i Jesosy i Levy. Betsaka ireo mpamory hetra sy ireo olona hafa izay nipetraka teo amin'ny latabatra ary nihinana niaraka tamin'izy ireo. <sup>30</sup> Kanefa ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna dia nitaraina tamin'ireo mpianany, niteny hoe: "Nahoana ianao no mihinana sy misotro miaraka amin'ireo mpamory hetra sy ny olona mpanota hafa?" <sup>31</sup> Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Tsy mila dokotera ny olona salama; fa ireo marary ihany. <sup>32</sup> Tsy tonga hiantso ny olo-marina ho amin'ny fibebahana Aho, fa hiantso ny mpanota ho amin'ny fibebahana." <sup>33</sup> Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Ireo mpianatr'i Jaona dia matetika mifady hanina sy mivavaka, ary ireo mpianatr'ireo Fariseo dia manao toy izany koa. Kanefa ny mpianatrao dia mihinana sy misotro." <sup>34</sup> Jesosy niteny azy ireo hoe: "Moa ve misy olona mahavita mampifady hanina ny havan'ny

mpampakatra raha toa ka mbola mitoetra eo amin'izy ireo ny mpampakatra? <sup>35</sup> Fa ho avy ny andro izay hanesorana ny mpampakatra eo amin'izy ireo, ary amin'izany andro izany dia hifady hanina izy ireo." <sup>36</sup> Dia nanao fanoharana tamin'izy ireo koa Jesosy. "Tsy misy olona mandrovitra tapa-damba avy amin'ny lamba vaovao ary mampiasa izany mba hanamboarana ny lamba tonta. Raha manao izany izy, dia hanimba ilay lamba vaovao, ary ilay tapa-damba avy amin'ilay lamba vaovao dia tsy hifanaraka amin'ilay lamba tonta." <sup>37</sup> Tsy misy olona manisy divay vaovao ao anatin'ny siny hoditra tonta. Raha manao izany izy, dia hampitriatra ny hoditra ilay divay vaovao, ary dia ho raraka ny divay, ary ho simba ilay siny hoditra. <sup>38</sup> Fa ny divay vaovao dia tsy maintsy atao ao anatin'ny siny hoditra vaovao. <sup>39</sup> Tsy misy olona avy nisotro ny divay taloha ka haniry ny vaovao, fa hoy izy hoe: 'Ilay taloha no tsara.'"

## Luke 5:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy nitory avy eny amin'ny sambon'i Petera teo amin'ny farihin'i Genesareta.

### farihin'i Genesareta

Ity dia anarana hafa hiantsoana ny ranomasin'i Galilia. Galilia dia ilay tapany andrefan'ny farihy, ary ny tanin'i Genesareta dia ilay tapany atsinanana, noho izany dia nantsoina tamin'ireo anarana roa ireo izany.

### nanasa ireo haratony

Izy ireo dia nanasa ny harato fanjonon'izy ireo mba hampiasana izany indray hisamborana trondro.

### iray tamin'ireo sambokely, izay an'i Simona

"ilay sambon'i Simona"

### nanataka azy mba handefa izany eny amin'ny rano lavidavitry ny tanety

"nanataka an'i Simona mba hamindra ilay sambo lavidavitry ny moron-dranomasina"

### nampianatra ireo olona teny ivelan'ny sambokely

"nampianatra ny olona raha Izy nipetraka tao amin'ny sambo." Jesosy dia tao amin'ny sambo lavidavitry ny moron-drano ary niresaka tamin'ny olona izay teny amin'ny moron-drano.

## Luke 5:4

### Rehefa nitsahatra niteny Izy

"Rehefa avy nampianatra ny olona Jesosy"

### nohon'ny teninao

"satria nasainao nataoko izao"

### nanao fihetsika

Lavitra loatry ny moron-drano izay ireo raha hiantso ka nanao fihetsika, mety hoe nanofanofa ny tanan'izy ireo

### nanomboka nilentika izy ireo

"nanomboka nilentika ilay sambo." Afaka lazaina mazava tsara ny anton'izany. DH: "nanomboka nilentika ny sambo satria navesatra ireo trondro"

## Luke 5:8

### niankohoka teo an-togotr'i Jesosy

DH: "niankohoka teo anatrehan'i Jesosy." Tsy nianjera tsy nahy Petera. Nanao izany izy ho mariky ny fanetre-tena sy fanajana an'i Jesosy.

### mpiara-miasa amin'i Simona

"mpiara-miasa amin'i Simona amin'ny fivarotana trondro

### hanarato olona ianao

Ny sary fanjonoana trondro dia nampiasaina ho sariteny amin'ny fanangonana olona mba hanaraka an'i Kristy. DH: "hanjono olona ianareo" na "hanangona olona ho Ahy ianareo" na "hitondra olona ho mpianatro ianareo"

## Luke 5:12

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy nanasitrana boka tany amin'ny tanàna samihafa izay tsy notononina.

### Dia nitranga izao

Ity fehezanteny ity dia manamarika tranga vaovao ao amin'ny tantara.

### lehilahy feno habokana

"lehilahy iray izay rakotry ny habokana." Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

### niankohoka

"nandoalika ary nikasika ny tany tamin'ny tavany" na "niankohoka tamin'ny tany izy"

### dia afaka manadio ahy

Fantatra fa nangataka tamin'i Jesosy izy mba hanasitrana azy. DH: "miangavy mba diovy aho, satria afaka manao izay ianao"

### afaka manadio ahy ... mahadiova

Ity dia maneho ny fanadiavana (fanamasinana), fa fantatra fa izy dia maloto nohon'ny habokana. Izy dia tena nangataka tamin'i Jesosy mba hanasitrana azy amin'ny aretany. DH: "diovy amin'ny habokana aho ka mba ho madio indray ... Sitràna"

**afaka taminy ny habokana**

"tsy nisy habokana intsony izy"

**Luke 5:14****sorona ho an'ny fanadiovana anao**

Ny lalàna dia mitaky olona hanao sorona miavaka rehefa avy nositrana izy ireo. Izany dia mamela ilay olona hadio ara-dalàna, ary ho afaka handray anjara amin'ny fombafomba ara-pivavahana.

**ho fijoroana vavolombelona**

"ho porofon'ny fanasitranana anao"

**amin'izy ireo**

Ireo dikany azo atao: 1) "amin'ireo mpisorona" na 2) "amin'ny olona rehetra."

**Luke 5:15****ny tatitra momba Azy**

"ny vaovao momban'i Jesosy." Ity dia afaka midika hoe "tatitra momban'ny fanasitranan'i Jesosy ilay lehilahy boka" na "tatitra momban'ny fanasitranan'i Jesosy ny olona."

**ny tatitra momba Azy dia niely lavitra kokoa aza**

"ny tatitra momba Azy dia niparitaka lavitra." DH: "ny olona dia nilaza ny vaovao momba Azy tany amin'ireo toerana hafa"

**tany foana**

"toerana mangina" na "toerana izay tsy misy olon-kafa"

**Luke 5:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Indray andro rehefa nampianatra tao amin'ny trano be iray Jesosy, dia nisy lehilahy sasany nitondra lehilahy iray voan'ny paralisisa mba ho sitranina.

**Ary**

Ity dia manamarika ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

**Luke 5:18****Ary nisy lehilahy sasany tonga**

Ireo dia olona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fitenin'ao dia mty manana fomba anehoana fa olona vaovao ireo.

**voan'ny paralisisa**

"tsy afaka nanetsika ny tenany"

**tsy nahita fomba hampidirana azy tao anatiny izy ireo noho ireo vahoaka, noho izany**

DH: "Fa noho ireo vahoaka, dia nahita fomba nitondrana ilay lehilahy tao anatiny izy ireo. Noho izany"

**noho ireo vahoaka**

Mazava fa ny antony tsy nafahan'izy ireo niditra dia ny vahoaka izay maro be ka dia tsy nisy efitrano ho an'izy ireo.

**teo anoloan'i Jesosy**

"teo anoloan'i Jesosy avy hatrany"

**Luke 5:20****Rehefa nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy hoe**

Fantatra fa mino izy ireo fa Jesosy dia afaka manasitrana ilay lehilahy voan'ny paralisisa. DH: "Rehefa hitan'i Jesosy hoe nino izy ireo fa afaka manasitrana ilay lehilahy Izy, dia hoy Izy taminy hoe"

**Ralehilahy**

Ity dia voambolana fampiasan'ny olona rehefa miresaka amin'ny lehilahy izay tsy fantatr'izy ireo ny anarany. Tsy tsy mahalala fomba izany, kanefa koa tsy maneho fanajana manokana. Ny fiteny sasany dia mety mampiasa ny teny toy ny hoe "ry sakaiza" na "tompoko."

**voavela ny helokao**

DH: "voavela ianao" na "avelako ny fahotanao"

**nanontany**

"nidinika." DH: "niresaka raha nanana na tsy nanana fahefana hamela heloka Jesosy"

**Iza moa ity izay miteny ratsy ity?**

Ity fanontaniana ity dia mampiseho ny fahatairana sy hatezeran'izy ireo tamin'izay nolazain'i Jesosy. DH: "Ity lehilahy ity dia miteny ratsy an'Andriamanitra" na "Miteny ratsy an'Andriamanitra Izy amin'ny fitenenana izany"

**Iza no afaka mamela ny fahotana afa-tsy Andriamanitra irery ihany**

DH: "Tsy misy afaka mamela heloka afa-tsy Andriamanitra irery ihany" na "Andriamanitra irery no afaka mamela heloka"

**Luke 5:22****nahalala izay noeritreretin'izy ireo**

Ity fehezanten'ity ity dia manondro fa nisaina mangina izy ireo, mba ho tsapan'i Jesosy fa tsy re izay noeritreretin'izy ireo.

**Nahoana ianareo no manontany izany ao am-ponareo?**

DH: "Tsy tokony hiady hevitra ny momba izany ao am-ponareo ianareo" na "Tsy tokony hisalasala ianareo fa manana ny fahefana hamela heloka Aho"

**ao am-ponareo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe nieritreritra mangina izany izy ireo.

**Inona no mora lazaina kokoa ... mandehana?**

Jesosy nampiasa ity fanontaniana ity mba hampifandraisana ny heriny manafaka amin'ny fahagagana manasitrana izay ho ataony. DH: "Mora kokoa ny miteny hoe: 'voavela ny helokao,' fa Andriamanitra irery no afaka mahatonga ity lehilahy ity 'Hitsangana sy andeha'"

**mora lazaina kokoa**

Ny fampidirana tsy voalaza dia ny hoe ny zavatra iray dia "mora lazaina kokoa satria tsy hisy hahafantatra," fa ilay zavatra iray hafa dia "sarotra lazaina satria hahafantatra avokoa ny rehetra." Ny olona dia tsy afaka mahita raha voavela ny helok'ilay lehilahy, fa ho fantatr'izy ireo raha hitsangana sy handeha izy.

**hahafantaranareo**

Jesosy niresaka tamin'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo.

**ny Zanak'Olona**

Ny tenany ihany no nambaran'i Jesosy.

**Lazaiko aminao**

Jesosy niteny ity tamin'ilay lehilahy voan'ny paralisisa.

**Luke 5:25****Teo noho eo**

"Avy hatrany"

**nitsangana izy**

Mety hanampy ny filazana mazava tsara fa sitrana izy. DH: "sitrana ilay lehilahy! Nitsangana izy."

**zava-mahagaga**

"zavatra mahatalanjona" na "zavatra hafahafa"

**Luke 5:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Rehefa nandao ilay trano Jesosy, dia nantsoiny Levy, ilay Jiosy mpamory hetra, mba hanaraka Azy. Nanomana sakafo be ho an'i Jesosy Levy izay nahasorena ireo Fariseo sy mpanora-dalàna.

**Taorian'ny nitrangan'ireo zavatra ireo**

Ny fehezanteny hoe "ireo zavatra ireo" dia maneho ireo izay nitranga tao amin'ny andininy teo aloha. Izany dia mampahafantatra tranga vaovao.

**Manaraha Ahy**

Ny "manaraka" olona dia fomba fiteny iray izay midika hoe lasa mpianatr'izy ireo. DH: "Meteza ho mpianatro" na "Avia, manaraha Ahy toy ny mpampianatra anao"

**namela ny zavatra rehetra**

"namela ny asany amin'ny maha-mpamory hetra"

**Luke 5:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Teo am-pisakafoana, dia niresaka tamin'ireo Fariseo sy mpanora-dalàna Jesosy.

**tao an-tranony**

"tao an-tranon'i Levy"

**tamin'ireo mpianany**

"mpianatr'i Jesosy"

**Nahoana ianao no mihinana ... olona mpanota hafa?**

Ireo Fariseo sy mpanora-dalàna nametraka ity fanontaniana ity mba hilazana ny tsy fankasitrahana'izy ireo ny fiarahan'ireo mpianatr'i Jesosy misakafa miaraka amin'ny mpanota. DH: "Tsy tokony hihinana miaraka amin'ny mpanota ianareo!"

**mihinana sy misotro miaraka amin' ... olona mpanota**

Ireo Fariseo sy mpanora-dalàna dia nino fa ny olona mpivavaka dia tokony hanasaraka ny tenan'izy ireo amin'ny olona izay raisin'izy ireo ho mpanota.

**ireo marary ihany**

DH: "Ireo izay marary ihany no mila dokotera"

**olo-marina**

Ny olona sasany dia mieritreritra fa marina. Jesosy naneho azy ireo tamin'ny fomba noeritreretrin'izy ireo momba azy ireo na dia fantatr'i Jesosy aza fa tsy marina izy ireo. DH: "Ny olona izay mieritreritra fa marina izy ireo"

**Luke 5:33****Dia hoy izy ireo taminy hoe**

"Ireo mpitarika fivavahana tamin'i Jesosy"

**Moa ve misy olona mahavita ... mitoetra eo amin'ireo ny mpampakatra?**

Jesosy nampiasa ity fanontaniana ity mba hampieritreritra ny olona trangan-javatra izay efa fantatr'izy ireo. DH: "Tsy misy olona milaza ny havan'ny mpampakatra hifady hanina raha mbola mitoetra miaraka amin'izy ireo eo izy"

**havan'ny mpampakatra**

"vahiny" na "namana." Ireo dia namana izay mankalaza miaraka amin'ny lehilahy izay hanambady.

**mampifady hanina ny havan'ny mpampakatra**

Ny fifadiana dia famantarana ny alahelo. Ireo mpitarika fivavahana dia nahatakatra fa tsy hifady hanina ireo mpanatrika ny fanambadiana raha mbola miaraka amin'izy ireo eo ny mpampakatra.

**Fa ho avy ny andro izay**

"tsy ho ela"

**hanesorana ny mpampakatra eo amin'izy ireo**

Jesosy dia mampitaha ny tenany amin'ny mpampakatra, ary ireo mpianatra no mpanatrika. Tsy nanazava ilay sariteny Izy, noho izany rehefa ilaina ihany vao tokony hanazava izany ny fandikantenany.

**Luke 5:36**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy mitantara tantara amin'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo izay tao an-tranon'i Levy.

**tsy hifanaraka amin'ny**

"tsy hitovy amin'ny"

**Luke 5:37**

**divay vaovao**

"ranom-boaloboka." Ity dia maneho ny divay izay mbola tsy nialin'andro.

**siny hoditra**

Ity dia kitapo kely vita amin'ny hoditra biby.

**Tsy misy olona avy nisotro ny divay taloha ka haniry ny vaovao**

Ity sariteny ity dia mampifanohitra ny fampianarana taloha nataon'ny mpitarika fivavahana amin'ny fampianarana vaovaon'i Jesosy. Ny tiany ambara dia hoe ny olona izay efa zatra ny fampianarana taloha dia tsy vonona hihaino ny fampianarana vaovao izay hampianarin'i Jesosy.

**divay taloha**

"divay izay efa nialon'andro"

**fa hoy izy hoe: "Ilay taloha no tsara."**

Mety hanampy ny fanampiana hoe: "ary izy noho izany dia tsy vonona hanandrana ilay divay vaovao"

## Chapter 6

<sup>1</sup> Ary tamin'ny Sabata dia nandeha nankany an-tanimbary Jesosy ary ireo mpianatra naka ny salohim-bary, nikosoka izany tamin'ny tanan'izy ireo ary nihinana ny voa. <sup>2</sup> Fa ny sasany tamin'ireo Fariseo kosa niteny hoe: "Nahoana ianareo no manao zavatra tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny andro Sabata?" <sup>3</sup> Namaly azy ireo, Jesosy niteny hoe: "Mbola tsy novakianareo akory ve izay nataon'i Davida rehefa noana izy, izy sy ireo lehilahy izay niaraka taminy?" <sup>4</sup> Nandeha nakao an-tranon'Andriamanitra izy, ary nandray ny mofon'ny fanatrehana sy nihinana ny ampahany tamin'izany, ary nomeny apahany koa ny lehilahy izay niaraka taminy mba hihinana, na dia ny mpisorona ihany aza no araka ny lalàna raha mihinana izany." <sup>5</sup> Avy eo Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ny Zanak'Olona dia Tompon'ny Sabata." <sup>6</sup> Ary tamin'ny Sabata hafa dia nandeha tao amin'ny synagoga Izy dia nampianatra ny vahoaka tao. Nisy lehilahy iray maty tanana havanana tao. <sup>7</sup> Njery akaiky Azy tsara ireo mpanora-dalana sy ireo fariseo mba hahita raha hanasitrana olona amin'ny Sabata Izy, mba afahan'izy ireo mahita antony hampangana Azy. <sup>8</sup> Kanefa fantany izay tao an-tsain'ireo ary nilaza tamin'ilay lehilahy izay maty tanana Izy hoe: "Mitsangàna, ary mankanesa eto afovoan'ny olon-drehetra eto." Koa nitsangana ilay lehilahy ary nitsangana teo. <sup>9</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Manontany anareo aho, ara-dalàna amin'ny Sabata ve ny fanaovana ny tsara sa ny fanaovana ny ratsy, ny manavotra aina sa ny mamotika azy?" <sup>10</sup> Ary nijery ny manodidina azy rehetra Izy ka niteny tamin'ilay lehilahy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Nanao izany izy, ary sitrana ny tanany. <sup>11</sup> Nefa feno hatezerana izy ireo ary nifampiresaka momba izay mety ho hataon'izy ireo amin'i Jesosy. <sup>12</sup> Tamin'izany andro izany dia nandeha nankany an-tendrombohitra Izy mba hivavaka. Notohizany nandritra ny alina tontolo ny fivavahana tamin'Andriamanitra. <sup>13</sup> Rehefa tonga ny andro, niantso ny mpianany ho eo aminy Izy, ary nifidy roa ambin'ny folo tamin'ireo Izy, izay nantsoiny ihany koa hoe Apostoly. <sup>14</sup> Ny anaran'ireo Apostoly ireo dia Simona (izy izay antsoina ihany koa hoe Petera) ary ny rahalahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipino, Bartelemeo, <sup>15</sup> Matio, Tomasy, Jakoba zanaka lahin'i Alfeo, Simona izay antsoina hoe Zelota, <sup>16</sup> Jodasy zanak'i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, izay tonga mpamadika. <sup>17</sup> Avy eo Jesosy nidina ny tendrombohitra niaraka tamin'izy ireo dia nitsangana tamin'ny tany marina niaraka tamin'ny mpianany maro sy vahoaka maro avy any Jodia sy Jerosalema ary ny sisin-tanin'ny Tyro sy Sidona. <sup>18</sup> Tonga ireo mba hihaino Azy ary mba ho sitranina amin'ny aretin'izy ireo. Sitrana ihany koa ny vahoaka izay korontanin'ny fanahy maloto. <sup>19</sup> Ny olon-drehetra tamin'ireo vahoaka dia niezaka ny hikasika Azy hatrany satria nivoaka avy taminy ny hery manasitrana, ary sitrany avokoa izy rehetra. <sup>20</sup> Dia nijery ny mpianany Izy, ary niteny hoe: "Sambatra ianareo izay mahantra, fa anareo ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>21</sup> Sambatra ianareo izay noana ankehitriny, fa ho voky ianareo. Sambatra ianareo izay mitomany ankehitriny, fa hiomehy ianareo. <sup>22</sup> Sambatra ianareo rehefa mankahala anareo ny olona ary rehefa ahilik'izy ireo sy haratsian'izy ireo ianareo, nohon'ny amin'ny Zanak'Olona. <sup>23</sup> Mifalia amin'izany andro izany ary mibitaha an-kafaliana, satria azo antoka fa hahazo valisoa lehibe any an-danitra ianareo, fa mitovy amin'izany no nitondran'ny razan'ireo an'ireo mpaminany. <sup>24</sup> Fa loza ho anareo izay manan-karena, fa efa azonareo izay mahafa-po anareo. <sup>25</sup> Loza ho anareo izay voky ankehitriny, fa mbola ho noana ianareo any aoriana any. Loza ho anareo izay mihomehy ankehitriny, fa hisaona sy hitomany ianareo any aoriana any. <sup>26</sup> Loza ho anareo, rehefa milaza tsara momba anareo ny olona rehetra, fa mitovy amin'izany ny nataon'ny razan'izy ireo tamin'ireo mpaminany sandoka. <sup>27</sup> Fa milaza aminareo izay mihaino Aho, tiavo ny fahavalonareo ary manaova ny tsara amin'izay mankahala anareo. <sup>28</sup> Tahio izay manozona anareo ary mivavaha ho an'ireo izay manao tsinontsinona anareo. <sup>29</sup> Raha misy mamelaka ny takolakao iray, dia omeo azy koa ny ilany. Raha misy olona maka ny lambanao, aza mihazona na dia ny akanjonao koa aza. <sup>30</sup> Omeo izay rehetra mangataka aminao. Raha misy olona maka ny zavatra izay anao, aza mangataka ny hamerenany izany aminao. <sup>31</sup> Tahaka izay tianao hataon'ny olona aminao, dia tokony hataonao amin'izy ireo koa izany. <sup>32</sup> Raha izay olona tia anao ihany no tiavinao, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza mba tia an'izay tia azy koa. <sup>33</sup> Raha amin'izay olona manao soa anao ihany ianao no manao soa, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza dia manao toy izany. <sup>34</sup> Raha tsy mampindrana afa-tsy amin'izay olona handrasana fa hamerina izany aminao ihany ianao, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza mampindrana ny mpanota, mba hahazoana torak'izany koa. <sup>35</sup> Fa tiavo ny fahavalonareo ary manaova ny tsara ho azy ireny. Mampindrana ka aza miandry valiny ary ho lehibe ny valisoanareo ary ho zanaky ny Avo Indrindra ianareo, fa Izy tenany dia tsara fanahy amin'izay tsy misaotra sy ny olona ratsy fanahy. <sup>36</sup> Manàna famindram-po, tahaka ny Rainareo mpamindra fo. <sup>37</sup> Aza mitsara, ary tsy ho tsaraina ianareo. Aza manameloka, ary tsy ho melohina ianareo. Mamelà ny hafa, ary ho avela ianareo. <sup>38</sup> Manomeza, dia omena anareo izany. Fahafotafota, miara-voahontsana ary mitobaka \_ no hararaka eo am-pofoanao. Araka ny famaharanareo, no hamaharana anareo toy izany koa."

<sup>39</sup> Avy eo Izy nanao fanoharana tamin'izy ireo koa. "Moa ve ny olona jamba afaka mitarika olona jamba hafa? Raha manao izany izy, dia mety hilatsaka any an-kady izy roa, sa tsia?" <sup>40</sup> Ny mpianatra iray dia tsy lehibe noho ny mpampianany, fa izay rehetra nahatanteraka ny fiofanana dia hitovy amin'ny mpampianany. <sup>41</sup> Fa nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao, kanefa tsy mahatsikaritra ny vatan-kazo ao anaty masonao? <sup>42</sup> Ahoana no itenenanao ny rahalahinao hoe: 'Ry rahalahy, mamelà ahy hanala ny sombin-kazo eo amin'ny masonao eo io,' rehefa tsy hitanao akory ny vatan-kazo eo amin'ny masonao? Ry mpiatsaravelatsihy! Esory eo amin'ny masonao aloha ny vatan-kazo, avy eo dia hahita tsara ianao ka afaka hanala ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao. <sup>43</sup> Fa tsy misy hazo tsara hamokatra voankazo lo, na hoe hazo lo hamokatra voankazo tsara. <sup>44</sup> Fa ny hazo tsirairay dia fantatra amin'ny karazam-boankazo izay vokariny. Fa tsy afaka ny hioty aviavy amin'ny tsilo ny olona, na haka voaloboka amin'ny hazona voaroy. <sup>45</sup> Ny olona tsara mamokatra izay tsara avy amin'ny harena soan'ny fony, ary ny olona ratsy mamokatra izay ratsy avy amin'ny haren-dratsin'ny fony. Fa izay aloaky ny fony no tenenin'ny vavany. <sup>46</sup> Fa maninona ianareo no miantso Ahy hoe: 'Tampo, Tampo,' kanefa ianareo tsy mankatoa izay zavatra teneniko? <sup>47</sup> Ny olona rehetra manatona Ahy sy mandre ny teniko ary mankatoa izany, dia ho lazaiko anareo hoe toy ny inona izy. <sup>48</sup> Tahaka ny olona izay nanangana trano izy, izay nandavaka lalina teo amin'ny tany ary nanorina ny fototry ny trano teo ambony vatolampy. Rehefa tonga ny tondra-drano, dia nandriaka nanohitra izany trano izany ny rano be, fa tsy nampiontsona azy, satria tsara orina ilay izy. <sup>49</sup> Ary izay olona mandre ny teniko nefa tsy mankatoa izany, dia mitovy amin'ny olona izay nanorina trano teo ambonin'ny tany ka tsy nanisy fototra. Rehefa nandriaka namely io trano io ny rano be, dia nianjera avy hatrany izany, ary rava tanteraka izany trano izany."

## Luke 6:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ary Jesosy sy ireo mpianany izao dia mandeha eny amin'ny tanimbary raha manomboka manontany an'ireo mpianatra ny Fariseo sasany momba izay ataon'izy ireo amin'ny andro Sabata izay, ao amin'ny lalàn'Andriamanitra, dia natokana ho an'Andriamanitra.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "ianareo" dia maneho ireo mpianatra.

### Ary tamin'ny

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

### nikosoka izany tamin'ny tanan'izy ireo

Nanao izany izy ireo mba hanasarahana ny voambary. DH: "Nokosehan'izy ireo tamin'ny tanana izany mba hanasarahana ireo voa amin'ny hodiny"

### Nahoana ianareo no manao zavatra izay tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny andro Sabata?

Nametraka io fanontaniana io izy ireo mba hampiangana ireo mpianatra fa nandika lalàna. DH: "Ny fangalana vary amin'ny andro Sabata dia tsy araky ny lalàn'Andriamanitra!"

## Luke 6:3

### Mbola tsy novakianareo akory ...taminy?

Jesosy niteny mafy ireo Fariseo ny amin'ny tsy fianarana izay avy ao amin'ny Soratra Masina.

### mofon'ny fanatyrehana

"ilay mofo masina"

### Zanak'Olona

Jesosy naneho ny tenany. DH: "Izaho, ilay Zanak'Olona"

### Tompon'ny Sabata

Ny fiantsoana hoe "Tampo" eto dia manamafy ny fahefany amin'ny Sabata. DH: "manana ny fahefana hamaritana izay azon'ny olona atao amin'ny Sabata!"

## Luke 6:6

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ireo mpanora-dalàna sy Fariseo dia nijery raha nanasitrana lehilahy iray tamin'ny Sabata Jesosy.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Andro Sabata hafa ity ary ao amin'ny synagoga Jesosy.

### Ary

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny tranga vaovao ao amin'ny tantara.

### Nisy lehilahy iray tao

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

### maty tanana

Simba ny tanan'ilay lehilahy ka tsy afaka nitsotra intsony.

### Nijery tsara Azy

"nijery tsara an'i Jesosy"

### mba afahan'izy ireo mahita

"satria izy ireo te-hahita"



**eto afovoan'ny olon-drehetra**

"manatrika ny olona rehetra." Tian'i Jesosy hijoro teo amin'ny toerana izay ahitan'ny olona azy izy.

**Luke 6:9****tamin'izy ireo**

"tamin'ireo Fariseo"

**ara-dalàna ve ... manavotra aina ... mamotika azy?**

Jesosy te-hanitsy ny eritreritr'ireo Fariseo fa tsy azo atao ny manasitrana amin'ny Sabata. Nametraka ny fanontaniana toy ny fifanoherana eo amin'ny fanaovana ny tsara sy ny fanaovana ny ratsy Izy mba hampazava tsara izay ara-dalàna sy tsy ara-dalàna. DH: "Hetsika iza no avelan' Andriamanitra ny fanaovana ny tsara sy manasitrana, sa ny ratsy sy famotehana fiainana?"

**ny fanaovana ny tsara sa ny fanaovana ny ratsy**

"ny fanampiana olona sa fanaovana ratsy olona"

**Luke 6:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy misafidy apostoly roa ambin'ny folo taorian'ny nivavahany nandritry ny alina iray manontolo.

**Tamin'izany andro izany**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina teto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

**nandeha Izy**

"nandeha Jesosy"

**Rehefa tonga ny andro**

"rehefa maraina ny andro" na "ny andro manaraka"

**nisafidy roa ambin'ny folo tamin'izy ireo Izy**

"nisafidy roa ambin'ny folo tamin'ireo mpianatra Izy"

**izay nantsoiny koa hoe apostoly**

"izay nataony ho apostoly ihany koa" na "ary nanondro azy ireo ho apostoly Izy"

**Luke 6:14****ny rahalahiny Andrea**

"Andrea, rahalahin'i Simona"

**Zelota**

Ireo dikany azo atao: 1) "ny Zelota" dia fiantsoana izay manondro fa izy dia anisan'ilay vondron'olona izay naniry hanafaka ireo olona Jiosy tamin'ny fanjakana Romana.

**tonga mpamadika**

Mety ilaina ny manazava ny dikan'ny "mpamadika" eto. DH: "namitaka ny namany" na "nanolotra ny namany tamin'ireo fahavalo" (takalo vola foana) na

"nampidi-doza namana amin'ny filazana ireo fahavalo ny momba azy"

**Luke 6:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Na dia niresaka manokana tamin'ireo mpianany aza Jesosy, dia nisy olona maro nihaino nanodidina teo.

**niaraka tamin'izy ireo**

"niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo voasafidy" na "niaraka tamin'ireo apostoliny roa ambin'ny folo"

**mba ho sitranina**

DH: "mba ho sitranin'i Jesosy izy ireo"

**Sitrana ihany koa ireo olona izay korontanin'ny fanahy maloto**

DH: "Nositratin'i Jesosy ihany koa ny olona izay nokorontanin'ny fanahy maloto"

**nokorontanin'ny fanahy maloto**

"nanjakan'ireo fanahy maloto"

**nivoaka avy taminy ny hery manasitrana**

DH: "nanana hery hanasitrana olona Izy" na "nampiasainy hanasitrana olona ny heriny"

**Luke 6:20****Sambatra ianareo izay mahantra**

"Ianareo izay mahantra dia mandray ny sitrak' Andriamanitra" na "Ianareo izay mahantra dia mahazo"

**fa anareo ny fanjakan'Andriamanitra**

Ny fiteny izay tsy manana voambolana ho an'ny fanjakana dia mety hanao hoe: "fa Andriamanitra no mpanjakanareo" na "satria Andriamanitra no mpanapaka anareo."

**anareo ny fanjakan'Andriamanitra**

Izany dia mety midika hoe: 1) "an'ny fanjakan' Andriamanitra ianareo" na 2) "hanana fahefana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ianareo."

**hiomehy ianareo**

"hiomehy amin-kafaliana ianareo" na "ho faly ianareo"

**Luke 6:22****Samnbatra ianareo**

"mahazo ny sitrak'Andriamanitra ianareo"

**nohon'ny amin'ny Zanak'Olona**

"Satria ianareo mifandray amin'ny Zanak'Olona" na "satria ahilik'izy ireo ny Zanak'Olona"

**amin'izany andro izany**

"rehefa manao ireo zavatra ireo izy ireo" na "rehefa mitranga izany"

**mibitaha an-kafaliana**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "mifalia be"

**valisoa lehibe**

"karama be" na "tolotra tsara"

**Luke 6:24****loza ho anareo**

"hanaintaina mafy aminareo izany." Ity fehezanteny ity dia naverina in-telo. Ity dia mifanohitra amin'ilay hoe "sambatra ianareo." Isakin'ny miverina izany, dia manondro fa ny hatezeran'Andriamanitra dia mivantana amin'ny olona, na misy zavatra ratsy miandry azy ireo.

**loza ho anareo izay manan-karena**

"hanaintaina mafy aminareo izay manan-karena izany" na "ho avy aminareo izay manan-karena ny korontana"

**ny mahafa-po anareo**

"izay nahafa-po anareo" na "izay nahafalifaly anareo"

**izay voky ankehitriny**

"izay feno ny kibony ankehitriny" na "izay mihinambe ankehitriny"

**izay mihomehy ankehitriny**

"izay faly ankehitriny"

**Luke 6:26****loza ho anareo**

"hanaintaina mafy aminareo izany" na "halahelo be ianareo"

**ny olona rehetra**

"ny tsirairay"

**mitovy amin'izany ny nataon'ny razan'izy ireo tamin'ireo mpaminany sandoka.**

"niteny tsara momba ireo mpaminany sandoka koa izy ireo"

**Luke 6:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo mpianany sy ny vahoaka izay mihaino Azy koa.

**aminareo izay mihaino**

Manomboka miteny amin'ny vahoaka manontolo Jesosy eto, fa tsy ny mpianany irery.

**tiavo ... manaova ny tsara ... misaora ... mivavaha**

Ny tsirairay amin'ireo didy ireo dia atao foana, fa tsy indray mandeha ihany.

**tiavo ny fahavalonareo**

Izany dia tsy midika hoe ny fahavalo ihany no tiavin'izy ireo fa tsy ny naman'izy ireo. DH: "Tiavo ny fahavalonareo, fa tsy ny namanareo ihany!"

**tiavo ... manaova ny tsara**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika, ary nampiarahana mba hanamafisana ny tiana lazaina.

**tahio ireo**

Andriamanitra irery ihany no mitahy. DH: "Mangataha amin'Andriamanitra mba hitahy ireo"

**ireo izay manozona anareo**

"ireo izay manozona anareo foana"

**ireo izay manao tsinotsinona anareo**

"ireo izay manao tsinotsinona anareo foana"

**Luke 6:29****ny takolakao iray**

"ny ilan'ny tavanao"

**omeo azy koa ny ilany**

Mety hanampy ny filazana ilay mamely izay ho ataony amin'ilay olona. DH: "Atodio ny tavanao mba afahany mamely ny ilany koa"

**aza mihazona**

"aza raràna izy haka"

**Omeo izay rehetra mangataka aminao**

"Raha misy mangataka zavatra aminao, omeo azy izany"

**Luke 6:31****Tahaka izay tianao hataon'ny olona aminao, dia tokony hataonao amin'izy ireo koa izany**

Amin'ny fiteny sasany dia mety tsotra kokoa ny mamadika ny filaharan'izany. DH: "Tokony ataonao amin'ny olona izay tianao ataon'izy ireo aminao"

**Inona no soa ho azonao amin'izany?**

"Inona no valisoa ho azonao?" na "Inona no dera ho azonao amin'ny fanaovana izany?" DH: "Tsy hahazo valisoa amin'izany ianao" na "Tsy hanome valisoa anao amin'izany Andriamanitra"

**mba ahazoana torak'izany koa**

Ny lalàn'i Mosesy dia nandidy ireo Jiosy mba tsy haka tombon-tsoa amin'ny vola izay nifampindramin'izy ireo.

**Luke 6:35****ho lehibe ny valisoanareo**

"Handray valisoa lehibe ianareo" na "Handray karama tsara ianareo" na "handray tolotra tsara noho izany ianareo"

**tsy misaotra sy olona ratsy fanahy**  
 "olona izay tsy misaotra Azy sy olona ratsy fanahy"

**Rainareo**  
 Ity dia maneho an'Andriamanitra.

### **Luke 6:37**

**Aza mitsara**  
 "aza mitsara olona" na "aza manakiana mafy olona"

**ary ianareo**  
 "ho valin'izany, ianareo dia"

**Tsy ho tsaraina ianareo**  
 Jesosy tsy niteny hoe iza no tsy hitsara. Ireo dika ny azo atao: 1) "Tsy hitsara anareo Andriamanitra" na "tsy hisy olona hitsara anareo"

**Aza manameloka**  
 "Aza manameloka olona"

**Tsy ho melohina ianareo**  
 Jesosy tsy niteny hoe iza no tsy hanameloka. Ireo dikany azo atao: 1) "Tsy hanameloka anareo Andriamanitra" na 2) "Tsy hisy olona hanameloka anareo"

**ho avela ianareo**  
 Jesosy tsy niteny hoe iza no hamela. Ireo dikany azo atao: 1) "Hamela anareo Andriamanitra" na 2) "Hamela anareo ny olona"

### **Luke 6:38**

**dia omena ianareo**  
 Jesosy tsy niteny hoe iza no hanome. Ireo dikany azo atao: 1) "Hisy olona hanome anareo izany" na 2) "Homen'Andriamanitra anareo izany"

**hamaharana anareo toy izany koa**  
 Jesosy tsy niteny mazava tsara hoe iza no hamahatra. Ireo dikany azo atao: 1) "hamahatra anareo koa ny olona" na 2) "hamahatra anareo koa Andriamanitra"

### **Luke 6:39**

**Moa ve ny olona jamba afaka mitarika olona jamba iray hafa?**  
 Jesosy nampiasa ity fanontaniana ity mba hampieritreritra ny olona momban'ny zavatra izay efa fantatr'izy ireo. Ity dia afaka soratana toy ny fanambarana. DH: "Fantantsika fa ny olona jamba dia tsy afaka hitarika olona jamba iray hafa"

**olona jamba**  
 Ny olona izay "jamba" dia sariteny ho an'ny olona izay nampianarina toy ny mpianatra.

**mety hilatsaka any an-kady izy roa, sa tsia?**  
 DH: "samy hilatsaka any an-davaka izy roa"

**Ny mpianatra iray dia tsy lehibe noho ny mpampianany**  
 "ny mpianatra dia tsy mihoatra ny mpampianany." Ireo dikany azo atao: 1) "Ny mpianatra dia tsy be fahalalana noho ny mpampianany" na 2) "Ny mpianatra dia tsy manam-pahefana mihoatra nohon'ny mpampianany."

**fa izay rehetra nahatanteraka ny fiofanana dia hitovy amin'ny mpampianany**  
 "ny mpianatra rehetra izay voaofana tsara" na "ny mpianatra rehetra izay nampianatra tanteraka azy ny mpampianany"

### **Luke 6:41**

**Nahoana ianao no mijery ... kanefa tsy mahatsikaritra ny vatan-kazo izay ao anaty masonao?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanaovana fanamby ny olona mba hifantoka amin'ny fahotan'izy ireo manokana mialohan'ny hifantohany amin'ny fahotan'olon-kafa.

**ny sombin-kazo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao**  
 Ity dia sariteny izay maneho ny hadisoana kely indrindra ataon'ny namana mpino iray.

**rahalahy**  
 Ny "rahalahy" eto dia maneho ny namana Jiosy na namana mpino ao amin'i Jesosy.

**ny vatan-kazo izay ao anaty masonao**  
 Ity dia sariteny ho an'ny hadisoana lehibe indrindra ataon'ny olona iray. Ny vatan-kazo dia tsy afaka handeha ara-bakiteny ao anatin'ny mason'ny olona iray. Jesosy dia manamafy fa ny olona dia tokony hifantoka amin'ny hadisoana goavany manokana mialohan'ny hiasany saina amin'ny fahotana kely indrindra ataon'ny olon-kafa.

**vatan-kazo**  
 "hazo fisaka"

### **Luke 6:43**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ny olona dia afaka milaza raha tsara na ratsy ny hazo iray, ary karazana hazo inona izany, amin'ny alalan'ny voa izay vokariny. Jesosy mampiasa ity toy ny sariteny tsy nazavaina fantantsika hoe karazan'olona manao ahoana ny olona iray rehefa mahita ny fihetsiny isika.

**Fa tsy misy**  
 "satria tsy misy." Ity dia manondro fa ny manarakana eo dia ny antony tokony tsy hitsarana ny rahalahntsika.

**hazo tsara**  
 "hazo salama"

**lo**  
 "simba" na "ratsy" na "zava-poana"

**ny hazo tsirairay dia fantatra**

Ny olona dia mahafantatra ny karazana hazo amin'ny alalan'ny voankazo entin'izany. DH: "ny olona dia mahafantatra ny karazana hazo iray" na "ny olona dia mahafantatra hazo"

**Luke 6:45****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy mampitaha ny eritreritr'ny olona iray amin'ny harena tsara na ratsin'izy ireo. Ireo eritreritra tsaran'ny olona tsara dia miteraka hetsika tsara. Ireo eritreritra ratsin'ny olon-dratsy dia miteraka hetsika ratsy.

**Ny olona tsara**

Ny teny hoe "tsara" eto dia maneho ny fahamarinana na hatsaran'ny fitondran-tena.

**harena soan'ny fony**

"ireo zavatra tsara izay tahiriziny ao am-pony" na "'ireo zavatra tsara izay omeny lanja"

**mamokatra izay tsara**

Ny famokarana izay tsara dia sariteny ho an'ny fanaovana izay tsara. DH: "manao izay tsara"

**ny haren-dratsin'ny fony**

"ireo zavatra ratsy izay tahiriziny ao am-pony" na "ireo zavatra ratsy izay omeny lanja"

**izay aloaky ny fony no tenenin'ny vavany**

Ny hoe "vavany" dia maneho azy mampiasa ny vavany. DH: "izay eritreretiny ao am-pony dia miantraika amin'izay lazainy amin'ny vavany" na "izay omeny lanja ao am-pony dia mamaritra izay lazainy amin'ny vavany"

**Luke 6:46****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy mampitaha ny olona izay mankàtoa ny fampianarany amin'ny olona izay manorina trano eo ambony vato izay tsy ahazoan'ny tondra-drano izany.

**Tompo, Tompo**

Ny famerenana ireo teny ireo dia manondro fa miantso an'i Jesosy hoe "Tompo" foana izy ireo.

**Ny olona rehetra izay manatona Ahy ... ho lazaiko anareo hoe toy ny inona izany**

Mety mazava kokoa ny fanovana ny filaharan'ny fehezanteny. DH: "Ho lazaiko anareo hoe toy ny ahoana ny olona rehetra izay manatona Ahy sy mandre ny teniko ary mankàtoa izany"

**fototra**

"tohana"

**vatolampy**

"fototra." Ity dia vatolampy lehibe sy mafy izay tena lalina ao ambany tany.

**rano be**

"rano mandeha be" na "renirano"

**nandriaka nanohitra**

"nianjera nanohitra"

**nampiontsona azy**

Ireo dikateny azo atao: 1) "nampiozongozona azy" na "nanimba azy"

**Luke 6:49****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy mampitaha ny olona izay mandre kanefa tsy mankatoa ny fampianarany tamin'ny lehilahy iray izany nanorina trano tsy nisy fototra ka hianjera amin'ny tondra-drano izany.

**Fa ny olona**

Ny "fa" dia mampiseho ny fahasamihafana tamin'ilay olona teo aloha izay nanorina niaraka tamin'ny fototra.

**eo ambony tany ka tsy manisy fototra**

Ny kolontsaina sasany dia mety tsy mahalala fa ny trano misy fototra dia mafy kokoa. DH: "Fa tsy nandavaka izy ary tsy nanao fototra aloha"

**fototra**

"tohana mafy"

**rano be**

"rano mandeha be" na "renirano"

**nandriaka manohitra**

"nianjera manohitra"

**rava tanteraka izany trano izany**

"simba tanteraka izany trano izany"



## Chapter 7

<sup>1</sup> Rehefa nahavita niteny ny zavatra rehetra teo anatrehan'ny vahoaka Jesosy, dia niditra tao Kapernaomy Izy. <sup>2</sup> Ary nisy kapiteny iray nanana mpanompo izay tena najainy, ary narary sy efa akaiky ho faty izy. <sup>3</sup> Rehefa nandre ny momban'i Jesosy ilay kapiteny, dia naniraka loholon'ny Jiosy ho any Aminy izy, hangataka Azy mba ho avy ary hanasitrana ny mpanompony. <sup>4</sup> Ary rehefa tonga teo amin'i Jesosy izy ireo, dia nangataka mafy taminy, niteny hoe: "Mendrika ny hanaovanao izany ho azy izy, <sup>5</sup> satria tiany ny firenenay, ary izy ilay nanamboatra ny Synagoga ho anay." <sup>6</sup> Koa dia nanohy ny lalany niaraka tamin'izy ireo Jesosy. Fa raha mbola tsy lavitra ny trano Izy, dia nandefa namana ilay kapiteny niteny taminy hoe: "Tombo o, aza manahira-tena Ianao, satria tsy mendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho. <sup>7</sup> Noho izany dia tsy nihevitra ny tenako ho mendrika hankeo aminao aho, fa mitenena teny iray ihany dia ho sitrana ny mpanompoko. <sup>8</sup> Koa satria izao koa dia lehilahy izay ambany fahefana, manana miaramila ao ambaniko koa. Hoy aho amin'ity iray ity hoe: 'Mandehana,' dia mandeha izy, ary amin'ny iray hafa: 'Avia,' dia tany izy, ary amin'ny mpanompoko hoe: 'Ataovy ity,' ary dia ataony izany." <sup>9</sup> Rehefa nandre izany Jesosy, dia talanjona taminy Izy, ary nitodika tamin'ireo vahoaka izay nanaraka Azy dia nanao hoe: "Lazaiko aminareo, fa na dia tany Israely aza tsy nahitako finoana toy izao." <sup>10</sup> Rehefa niverina tany an-trano ireo izay nirahana, dia nahita fa salama tsara ilay mpanompo. <sup>11</sup> Taoriana kelin'izany, dia nandeha tany amin'ny tanàna atao hoe Naina i Jesosy, ary niaraka taminy ireo mpianany sy ireo vahoaka maro be. <sup>12</sup> Raha nanakaiky ny vavahadin'ny tanàna Izy, indro, nisy lehilahy iray efa maty nentina nivoaka, zanaka lahy tokan'ny reniny (izay mpitondratena), ary vahoaka maro be avy ao amin'ny tanàna no niaraka taminy. <sup>13</sup> Nony nahita azy ny Tompo, dia honena tanteraka azy ka nanao taminy hoe: "Aza mitomany." <sup>14</sup> Avy eo dia niakatra Izy ary nikasika an'ilay vata izay nitondran'izy ireo ilay razana, ary nijanona ireo nitondra izany. Hoy Izy hoe: "Ry tovolahy, hoy Aho aminao, miarena." <sup>15</sup> Dia niarina ilay maty ka nanomboka niteny, ary Jesosy nanolotra azy teo amin'ny reniny. <sup>16</sup> Nandresy azy rehetra ny tahotra, ka nanohy nidera an'Andriamanatra hatrany izy ireo, niteny hoe: "Mpaminany lehibe no natsangana eto amintsika" ary "Andriamanitra nitsinjo ny olony." <sup>17</sup> Ity vaovao momban'i Jesosy ity dia niely nanerana an'i Jodia sy ireo faritra manodidina rehetra. <sup>18</sup> Ireo mpianatr'i Jaona niteny taminy ny momba ireo zavatra ireo. <sup>19</sup> Dia niantso anankiroa tamin'ireo mpianany Jaona ka naniraka azy ireo ho any amin'ny Tompo mba hiteny hoe: "Ianao ve ilay ho avy, sa tokony mbola hijery hafa izahay?" <sup>20</sup> Ary rehefa nanatona akaiky an'i Jesosy izy ireo, dia hoy ireo lehilahy hoe: "Jaona mpanao batisa no naniraka anay aty aminao hanontany hoe: 'Ianao ve ilay ho avy, sa tokony mbola hijery hafa izahay?'" <sup>21</sup> Ary tamin'izany ora izany dia nahasitrana olona maro tamin'ny aretina sy fahoriana ary fanaintainana avy amin'ireo fanahy ratsy Izy, ary olona jamba maro no napahiratiny. <sup>22</sup> Jesosy namaly ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Rehefa avy nandeha tamin'ny lalanareo ianareo, tatero amin'i Jaona izay hitanareo sy renareo. Nahiratra ny jamba, nandeha ny malemy, ireo nadio ny boka, nandre ny marenina, nitsangan-ko velona ny maty, ary nitoriana ny filazantsara ny olona anatin'ny tsy fahmapiana. <sup>23</sup> Sambatra ny olona izay tsy mitsahatra ny mino Ahy nohon'ny ataoko." <sup>24</sup> Ary nony lasa ireo irak'i Jaona, dia nanomboka niteny tamin'ny vahoaka Jesosy ny momban'i Jaona hoe: "Hijery inona no nivoahanareo tany an'efitra? Volotara nahozongozon'ny rivotra ve? <sup>25</sup> Fa hijery inona no nivohanareo tany? Lehilahy miakanjo soa ve? Jereo, ireo izay mitafy akanjo lafo vidy sy ireo miaina ao amin'ny fiainana soa dia ao amin'ny lapan'ny mpanjaka. <sup>26</sup> Fa hijery inona no nivohanareo tany? Mpaminany ve? Eny, hoy Aho aminareo, ary mihoatra lavitra noho ny mpaminany. <sup>27</sup> Izy no ilay voasoratra hoe: 'Indro, alefako mialoha anao ny mpitondra hafatro, izay hanomana ny lalanao mialoha anao.' <sup>28</sup> Lazaiko aminareo, fa aminareo izay natara-behivavy dia tsy misy lehibe noho Jaona. Nefa ilay kely indrindra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra dia lehibe noho izy." <sup>29</sup> (Rehefa naheno izany ny olona rehetra, anisan'izany ireo mpamory hetra, dia nanambara fa marina Andriamanitra, satria natao batisa tamin'ny batisan'i Jaona izy ireo. <sup>30</sup> Fa ireo Fariseo sy ireo mpahay lalàna Jiosy kosa nandà ny tanjon' Andriamanitra ho an'ny tenan'izy ireo, satria tsy nataon'i Jaona batisa.) <sup>31</sup> "Amin'ny ionana, ary, no afahako mampitaha ny olona amin'ity taranaka ity? Tahaka ny inona moa izy ireo? <sup>32</sup> Tahaka ny ankizy milalao eny an-tsena izy ireo, izay mipetraka sy mifampiantso ary miteny hoe: 'Nitsoka sodina ho anareo izahay, dia tsy nandihy ianareo. Nanao hira fisaonana ho anareo izahay, dia tsy nitomany ianareo.' <sup>33</sup> Fa Jaona mpanao Batisa tonga tsy nihinana mofo ary tsy nisotro divay, dia hoy ianareo hoe: 'Misy demonia izy.' <sup>34</sup> Ny Zanak'Olonà tonga nihinana sy nisotro, dia hoy ianareo hoe: 'Jereo, fa tenda-kanina sy mpisotro Izy, naman'ireo mpamory hetra sy mpanota!' <sup>35</sup> Fa ny fahendrena dia voamarina amin'ny zanany rehetra." <sup>36</sup> Ary ny iray tamin'ireo Fariseo nanasa an'i Jesosy hisakafo miaraka taminy. Koa rehefa avy niditra tao an-tranon'ilay Fariseo Jesosy, dia nipetraka hihinana teo amin'ny latabatra. <sup>37</sup> Indro, nisy vehivavy tao an-tanàna izay mpanota. Ary rehefa nahatsikaritra izy fa nipetraka teo amin'ny latabatra tao an-tranon'ilay

Fariseo Izy, dia nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra izy. <sup>38</sup> Ary raha nitsangana taoriany teo akaikin'ny tongony izy, dia nitomany, ka nanomboka nandena ny tongony tamin'ny ranomasony, ka dia nofafany tamin'ny volon-dohany ireo sady nanoroka ny tongony ary nanosotra ireo tamin'ny menaka manitra. <sup>39</sup> Rehefa nahita izany ilay Fariseo nanasa an'i Jesosy, dia nieritreritra, niteny hoe: "Raha mpaminany ito lehilahy ito, dia tokony ho fantany hoe karazana vehivavy manao ahoana io mikitika Azy io, fa mpanota io." <sup>40</sup> Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Simona, misy zavatra ho teneniko aminao." Hoy izy hoe: "Lazao izany, Mpampiantra o!" <sup>41</sup> Jesosy niteny hoe: "Nisy mpampindra-bola nanana mpitrosa roa lahy. Ny iray dia tokony andoa diman-jato denaria, ny iray dimam-polo." <sup>42</sup> Rehefa tsy afaka nanefa izany taminy izy ireo, dia samy navelany izy roa lahy. Noho izany, iza amin'izy roa lahy no ho tia Azy kokoa?" <sup>43</sup> Simona namaly Azy ka niteny hoe: "Heveriko fa ilay namoizany be." Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Marina ny fitsaranao." <sup>44</sup> Ary Jesosy nitodika tany amin'ilay vehivavy ka niteny tamin'i Simona hoe: "Hitanao io vehivevy io. Niditra tato an-tranonao Aho. Tsy nanome rano hanasana ny tongotro ianao, fa izy nahakotsa ireo tongotro tamin'ny ranomasony ary namafa azy ireo tamin'ny volon-dohany." <sup>45</sup> Tsy nanoroka Ahy ianao, fa hatrizay nidirako tato dia tsy nitsahatra nanoroka ny tongotro izy." <sup>46</sup> Tsy nosoranao diloilo ny lohako, fa izy nanosotra ny tongotro tamin'ny menaka manitra." <sup>47</sup> Noho izany dia milaza aminao Aho fa, ireo fahotany, izay maro, dia voavela \_ satria izy be fitiavana. Fa izay navela kely, dia tia kely." <sup>48</sup> Dia hoy Izy taminy hoe: "Voavela ireo fahotanao." <sup>49</sup> Ireo niara-nipetraka nihinana teo dia nanomboka nifampiresaka teo amin'izy ireo hoe: "Iza moa Ity no dia mamela ireo heloka?" <sup>50</sup> Avy eo hoy Jesosy tamin-dravehivavy hoe: "Ny finoanao no nahavonjy anao. Mandehana am-piadanana."

## Luke 7:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy miditra ao Kapernaomy izay hanasitranan'i Jesosy mpanompon'ny kapiteny.

### teo anatrehan'ny vahoaka

Ny fomba fiteny hoe "teo anatrehana" dia manamafy fa nila azy ireo handre izay nolazainy Jesosy. DH: "tamin'ireo olona izay nihaino Azy" na "tamin'ireo olona izay nanatrika teo" na "mba hihainoan'ireo olona Azy"

### niditra tao Kapernaomy Izy

Ity dia manomboka tranga vaovao ao amin'ny tantara.

## Luke 7:2

### izay tena najainy

"izay nomen'ilay kapiteny lanja" na "izay najainy"

### nangataka mafy taminy

"niangavy taminy" na "nitalaho taminy"

### mendrika izy

"mendrika ilay kapiteny"

### ny firenenay

"ny olonay." Ity dia maneho ny olona Jiosy.

## Luke 7:6

### nanohy ny lalany

nandeha irery

### tsy lavitry ny trano

"akaikin'ny trano"

### aza manahira-tena Ianao

Niresaka tamim-panajana tamin'i Jesosy ilay kapiteny. DH: "aza manahira-tena Ianao amin'ny fankanesana any an-tranoko" na "tsy te-hanelingelina Anao aho"

### hiditra ao ambany tafon-tranoko

Ity fehezanteny ity dia fomba fiteny izay midika hoe "miditra ao an-tranoko."

### mitenena teny iray ihany

Azon'ilay mpanompo fa Jesosy dia afaka manasitrana ilay mpanompo amin'ny fitenenana fotsiny. Eto ny hoe "teny" dia maneho didy. DH: "Omeo fotsiny ny baiko"

### ho sitrana ny mpanompoko

Ny teny izay nadika teto hoe "mpanompo" dia adika hoe "zaza lahy." Ity dia mety manondro fa mbola tanora ilay mpanompo na mampiseho ny fitiavan'ilay kapiteny azy.

### Izaho ihany koa dia lehilahy ambany fahefana

"izaho ihany koa dia manana olona amboniko izay tsy maintsy ankatoaviko"

### ambaniko

"ambany fahefako"

## Luke 7:9

### talanjona taminy Izy

"talanjona tamin'ilay kapiteny Izy"

### lazaiko aminareo

Jesosy nilaza ity mba hanamafisana ny zava-mahagaga izay ho lazainy amin'izy ireo.

**na tany Israely aza tsy nahitako finoana toy izao**

Ny tiana ambara dia hoe Jesosy nanantena fa hanana karazam-pinoana tahaka izany ny Jiosy, saingy tsy nanana izy ireo. Tsy nanantena ireo Jentilisa hanam-pinoana tahaka izany Izy, kanefa nanana ity lehilahy ity. DH: "Tsy mbola nahita Israelita nahatoky mafy Ahy toy ny fahatokisan'ity Jentilisa ity Aho!"

**ireo izay nirahana**

Azo fa ireo dia ireo olona izay nirahan'ilay kapiteny. DH: "ny olona izay nirahan'ny manam-boninahitra Romana ho any amin'i Jesosy"

**Luke 7:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy nandeha tany amin'ny tanànan'i Naina, izay nanasitrany lehilahy izay efa maty.

**Naina**

anaran-tanàna

**indro, nisy lehilahy iray efa maty**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny fampidirana an'ilay lehilahy efa maty ao amin'ny tantara. DH: "nisy lehilahy iray efa maty izay"

**nisy lehilahy iray efa maty nentina nivoaka**

DH: "Nisy olona nitondra lehilahy efa maty nivoaka ny tanàna"

**zanaka lahy tokan'ny reniny (izay mpitondratena)**

"Izy dia zanaka lahy tokan'ny reniny, ary mpitondratena izy." Ity dia fampahafantarana ny momba ilay lehilahy efa maty sy ny reniny.

**mpitondratena**

vehivavy izay efa maty vady

**onena tanteraka azy**

"nalahelo mafy azy"

**niakatra Izy**

"nandroso Izy" na "nanatona ilay lehilahy efa maty Izy"

**miteny aminao Aho**

Jesosy miteny ity mba hanamafisana ny fahefany. DH: "Enoy Aho!"

**ilay maty**

Tsy maty intsony ilay lehilahy; fa efa velona. DH: "ilay lehilahy izay maty teo"

**Luke 7:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity dia mitantara izay nitranga vokatriny ny fanasitrany i Jesosy ilay lehilahy izay maty.

**nandresy azy rehetra ny tahotra**

"nameno azy rehetra ny tahotra." DH: "lasa natahotra avokoa izy rehetra"

**mpaminany lehibe**

Jesosy no tian'izy ireo lazaina.

**natsangana eto amintsika**

"tonga miaraka amintsika" na "niseho tamintsika." DH: "Andriamanitra nanangana mpaminany lehibe eto amintsika"

**nitsinjo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "nikarakara"

**Ity vaovao momban'i Jesosy ity dia niely**

"ity vaovao ity" dia maneho ireo zavatra nolazain'ny olona tao amin'ny andininy faha16. DH: "Ny olona nanaparitaka ity tatitra momban'i Jesosy ity" na "Ny olona nilaza tamin'ireo hafa ny amin'ity tatitra momban'i Jesosy ity"

**ity vaovao ity**

"ity tatitra ity" na "ity hafatra ity"

**Luke 7:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jaona naniraka roa tamin'ireo mpianany mba hanontany an'i Jesosy.

**Ireo mpianatr'i Jaona niteny taminy ny momba ireo zavatra ireo**

Ity dia mampiditra tranga vaovao ao amin'ny tantara.

**niteny taminy**

"niteny an'i Jaona"

**ireo zavatra rehetra ireo**

"ireo zavatra rehetra izay nataon'i Jesosy"

**hoay ireo lehilahy hoe: "Jaona mpanao batisa no naniraka anay aty aminao hanontany hoe: "Ianao ve ... sa tokony mbola hijery hafa izahay?"**

DH: "ireo lehilahy niteny fa Jaona mpanao batisa no naniraka azy ireo tany aminy mba hanontany hoe: 'Ianao ve ilay ho avy ho avy, sa tokony mbola hijery hafa izahay.'"

**sa tokony mbola hijery hafa izahay?**

"tokony mbola hiandry hafa ve izahay" na "tokony mbola hanantena olona hafa ve izahay"

**Luke 7:21****Tamin'izany ora izany**

"tamin'izany fotoana izany"

**tamin'ny fanahy ratsy**

DH: "nanasitrana azy ireo tamin'ny fanahy ratsy Izy" na "nanafaka olona tamin'ny fanahy ratsy Izy"



**niteny tamin'izy ireo**

"niteny tamin'ireo mpitondra hafatr'i Jaona" na  
 "'niteny tamin'ireo mpitondra hafatra izay nirahan' i  
 Jaona"

**tatero amin'i Jaona**

"teneno amin'i Jaona"

**ny olona anatin'ny tsy fahampiana**

"olona mahantra"

**Sambatra ny olona izay tsy mitsahatry ny mino Ahy nohon'ny ataoko**

DH: "Andriamanitra dia hitahy ny olona izay tsy  
 mitsahatry ny mino Ahy nohon'ny ataoko"

**ny olona**

"ny rehetra" na "na iza na iza."

**tsy mitsahatra**

"manohy"

**mino Ahy**

"mahatoky Ahy tanteraka"

**Luke 7:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka miresaka amin'ny vahoaka ny  
 momban'i Jaona mpanao batisa.

**Inona ... volotara nahozongozon'ny rivotra ve?**

Ity dia manantena valiny tsia. "hijery volotara  
 nahozongozon'ny rivotra ve no nivoahanareo? Mino  
 aho fa tsia!" DH: "Tsy hisalasalana fa tsy hijery  
 volotara aozongozon'ny rivotra no nivoahanareo!"

**Volotara nahozongozin'ny rivotra**

"olona izay mora miova hevitra."

**Fa inona ... lehilahy miakanjo soa ve?**

Ity ihany koa dia manantena valiny tsia,  
 hatramin'ny nanaovan'i Jaona akanjo marokoro.  
 "Hijery lehilahy miakanjo soa ve no nivoahanareo?  
 Mazava ho azy fa tsia!" DH: Tsy hijery lehilahy  
 miakanjo soa mihintsy no nivoahanareo!"

**lapan'ny mpanjaka**

Ny lapa dia goavana, trano lafo vidy izay  
 ipetrahan'ny mpanjaka.

**Fa inona ... mpaminany ve?**

Ity dia mitarika any amin'ny valin-teny manaiky.  
 "Hijery mpaminany ve no nivoahanareo? Mazava ho  
 azy fa eny!" DH: "Fa nivoaka hijery mpaminany  
 ianareo raha ny marina!"

**Eny, hoy Aho aminareo**

Jesosy nilaza ity mba hanamafisana ny maha-zava-  
 dehibe an'izay ho lazainy manaraka.

**mihoatra lavitra noho ny mpaminany**

Ity fehezanteny ity dia midika fa tena mpaminany  
 tokoa Jaona, fa mbola lehibe lavitra noho ny  
 mpaminany miavaka. DH: "tsy mpaminany tsotra  
 fotsiny" na "lehibe noho ny mpaminany tsotra"

**Luke 7:27****Izy no ilay voasoratra hoe**

"Izany mpaminany izany no ilay nanoratan'ireo  
 mpaminany ny momba" na "Jaona no ilay  
 nosoratan'ireo mpaminany efa ela hoe"

**mialoha anao**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "eo anoloanao"  
 na "handeha mialoha anao"

**lazaiko aminareo**

Jesosy niresaka tamin'ny vahoaka. Jesosy nampiasa  
 ity fehezanteny ity mba hanamafisana ny marina  
 amin'ilay zava-mahagaga izay ho lazain'i Jesosy  
 manaraka.

**aminareo izay natara-behivavy**

Ity dia sariteny izay maneho ny olona rehetra.

**tsy misy lehibe noho Jaona**

"Jaona no lehibe indrindra"

**ilay kely indrindra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra**

Ity dia maneho ny rehetra izay anisan'ny fanjakana  
 izay ho apetrak'Andriamanitra.

**lehibe noho izy**

DH: "ambony toerana ara-panahy noho Jaona"

**Luke 7:29****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Lioka, izay mpanoratra ity boky ity, dia naneho  
 hevitra tamin'ny fomba namalian'ny olona an'i  
 Jaona sy Jesosy.

**Rehefa nandre izany ny olona rehetra ... batisan'i Jaona**

Ity andininy ity dia afaka avadika mba hazava  
 kokoa. DH: "Ny olona rehetra izay nataon'i Jaona  
 batisa, hatramin'ireo mpamory hetra, rehefa nandre  
 izao, dia nanambara fa marina Andriamanitra"

**satria natao batisa tamin'ny batisan'i Jaona izy ireo**

DH: "satria navelan'izy ireo hanao batisa azy ireo  
 Jaona" na "satria nataon'i Jaona batisa izy ireo"

**nandà ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny tenan'izy ireo**

"nandà izay tian'Andriamanitra ho ataon'izy ireo" na  
 "nisafisy ny tsy hankàtoa izay nolazain'  
 Andriamanitra azy ireo"

**satria tsy nataon'i Jaona batisa izy ireo**

DH: "Izy ireo dia tsy namela an'i Jaona hanao batisa  
 azy ireo" na "nandà ny batisan'i Jaona izy ireo"

**Luke 7:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy milaza amin'ny olona ny momban'i Jaona mpanao batisa

**Amin'inona, ary, no afahako mampitaha ... izy ireo?**

Jesosy mampiasa ireo fanontaniana ireo mba hampidirana fampitahana.

**Izy ireo dia tahaka ny**

Ireo teny ireo dia fiantombohan'ny fampitahan'i Jesosy. Jesosy dia milaza fa ny olona dia toy ankizy izay mety afa-po amin'ny fomba fihetsiky ny ankizy hafa mihintsy.

**tsy nandihy ianareo**

"fa tsy nandihy tamin'ilay hira ianareo"

**tsy nitomany ianareo**

"fa tsy nitomany niaraka taminay ianareo"

**Luke 7:33****tsy nihinana mmofo**

Ireo dika azo atao: 1) "mifady hanina matetika" na 2) "tsy mihinana sakafo tsotra."

**ho ianareo hoe: 'misy demonia izy.'**

Jesosy namerina nilaza izay nolazain'ny olona momban'i Jaona. DH: "milaza ianareo fa misy demonia izy" na "ampangainareo ho misy demonia izy"

**Ny Zanak'Olona**

Jesosy nanantena ny olona hahazo fa ny tenany ihany no lazain'i Jesosy. DH: "Izaho, ilay Zanak'Olona"

**ho ianareo hoe: 'jereo, ... mpanota!'**

Jesosy nilaza izay nolazain'ny olona momba Azy amin'ny maha-Zanak'Olona Azy. DH: "Izaho dia lazainareo fa lehilahy tenda-kanina sy mpisotro, naman'ny mpamory hetra sy ireo mpanota!"

**olona tenda-kanina**

olona izay mihinan-kanina be loatra foana

**Luke 7:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nisy Fariseo iray nanasa an'i Jesosy hisakafo ao an-tranony.

**Nisy iray tamin'ireo Fariseo**

Fampahafantarana ny fiantombohan'ny fizarana vaovaon'ny tantara sy mampiditra ireo Fariseo ho ao anaty tantara.

**Indro, nity vehivavy iray**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara.

**izay mpanota**

"izay miaina fiainam-pahotana." Mety ho mpivarotena izy.

**tavoara alabastara**

"tavoara vita amin'ny vato malefaka." Ny alabastara dia vato fotsy malefaka. Ny olona dia mitahiry zavatra sarobidy ao anaty tavoara alabastara.

**Luke 7:39****nieritreritra, nanao hoe**

"niteny tamin'ny tenany"

**Raha mpaminany io lehilahy io, dia tokony ho fantany ... mpanota**

Ireo Fariseo dia nieritreritra fa tsy mpaminany Jesosy satria navelany hikasika Azy ilay vehivavy mpanota. DH: "Raha jerena dia tsy mpaminany Jesosy, satria ny mpaminany dia tokony hahalala fa mpanota io vehivavy mikasika Azy io."

**Simona**

Ity no anaran'ilay Fariseo izay nanasa an'i Jesosy tao an-tranony. Tsy Simona Petera io.

**Luke 7:41****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Mba hanamafisana izay ho lazainy an'i Simona ilay Fariseo, dia nanao tantara taminy Jesosy.

**diman-jato denaria**

"karama 500 andro."

**dimam-polo**

"karama folo andro"

**navelany izy roa lahy**

"navelany ny trosan'izy ireo" na "nofafany ny trosan'izy ireo"

**heveriko**

Simona dia malina tamin'ny valin-teniny. DH: "mety"

**Luke 7:44****Jesosy nitodika tany amin'ilay vehivavy**

"Jesosy nanatrika ilay vehivavy." Jesosy nisarika ny sain'i Simona ho any amin'ilay vehivavy tamin'ny fitodihana tany aminy.

**Tsy nanome rano hanasana ny tongotro ianao**

Andraikitra fototry ny mpandray ny manome rano sy famafana ho an'ny vahiny mba hanasana sy hamainana ny tongotr'izy ireo taorian'ny nandehany tongotra teny amin'ny lalana feno vovoka.

**fa izy nahakotsa ireo tongotro tamin'ny ranomasony**  
Ilay vehivavy nampiasa ny ranomasiny ho solon'ilay rano tsy nisy

**Tsy nanoroka Ahy ianao**

Ny mpandray vahiny tena tsara amin'izany kolontsaina izany dia hiarahaba ny vahininy miaraka amin'ny oroka eo amin'ny takolaka. Simona kanefa tsy nanao izany.

**tsy nitsahatra nanoroka ny tongotro**

"nanohy nanoroka ny tongotro"

**nanoroka ny tongotro**

Ilay vehivavy dia nanoroka ny tongotr'i Jesosy raha tokony ho ny takolany mba ho mariky ny fibebahana sy fanetre-tena.

**Luke 7:46****nanosotra diloilo ny lohako**

"nanisy diloilo ny lohako." Ity no kolontsaina fandraisana vahiny be voninahitra. DH: "raiso amin'ny fanosorana diloilo amin'ny lohako Aho"

**nanosotra ny tongotro**

Ilay vehivavy dia tena nanome voninahitra an'i Jesosy tamin'ny fanaovana izao. Nampiseho fanetre-tena izy tamin'ny fanosorana ny tongony raha toa ka tokony ho ny lohany.

**milaza aminao Aho**

Ity dia manamafy ny lanjan'ny fanambarana manaraka eo.

**ireo fahotany, izay maro, dia voavela**

DH: "Navelan'Andriamanitra ireo fahotany maro"

**satria izy be fitiavana**

DH: "satria izy be fitiavana tamin'ilay namela azy" na "satria izy tia be an'Andriamanitra"

**izay navela kely**

"izay rehetra namelana zavatra kely fotsiny." Na izany aza, Izy dia nanantena an'i Simona hahazo fa kely fotsiny ny fitiavana nasehony an'i Jesosy.

**Luke 7:48****Avy eo hoy Izy taminy**

"avy eo Izy niteny tamin'ilay vehivavy"

**voavela ireo helokao**

"voavela ianao." DH: "Mamela ireo fahotanao Aho"

**niara-nipetraka nihinana**

"niara-nipetraka nihinana nanodidina ny latabatra" na "niara-nihinana"

**Iza moa Ity no dia mamela ireo heloka?**

Ireo mpitarika fivavahana dia nahafantatra fa Andriamanitra irery no afaka mamela heloka, ary tsy nino fa Jesosy no Andriamanitra. DH: "Manao ny tenany ho iza mo Ity lehilahy ity? Andriamanitra irery ihany no afaka mamela heloka!" na "Nahoana ity lehilahy ity no manao ny tenany ho Andriamanitra izay afaka mamela heloka?"

**ny finoanao no nahavonjy anao**

"Nohon'ny finoanao, dia novonjena ianao." DH: "Satria ianao nino, dia voavonjy"

**Mandehana am-piadanana**

Ity dia fomba iray hanaovana veloma eo am-panomezana tso-drano. DH: "Rehefa mandeha ianao, dia aza matahotra intsony" na "Andriamanitra anie hanome fiadanana anareo eo am-pandehana"



## Chapter 8

<sup>1</sup> Ary taoriana kelin'izany dia nanomboka nandeha nitety tanàna sy vohitra samihafa Jesosy, nitory sy nanambara ny filazantsara mahakasika ny fanjakan'Andriamanitra. Niaraka taminy ireo roa ambin'ny folo lahy, <sup>2</sup> tahaka ireo vehivavy sasany izay sitrana tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina: Maria izay nantsoina hoe Magdalena, izay efa namoahana demonia fito; <sup>3</sup> Johana, vadin'i Koza, izay mpitan-draharahan'i Heroda, ary Sosana; sy ireo maro hafa koa, izay, tamin'ny fananan'izy ireo, dia nanome izay nilain'izy ireo. <sup>4</sup> Raha mbola nisy vahoaka maro nihangona, dia tany nanatona Azy ireo olona avy tamin'ny isan-tanàna, dia nanao fanoharana izy hoe: <sup>5</sup> "Nisy mpamboly nivoaka mba hamafy ny voany. Raha izy namafy iny, dia voafafy teny amoron-dalana ny sasany ary dia voahitsakitsaka izany, ary lanin'ny voron'ny lanitra. <sup>6</sup> Ny sasany kosa voafafy teny amin'ny vatolampy, ka raha vao nitsimoka, dia nalazo izany, satria tsy nisy hamandoana. <sup>7</sup> Ary ny sasany dia voafafy teo amin'ny tsilo, ary ny tsilo niara-naniry tamin'ny voa ka nangeja izany. <sup>8</sup> Ny sasany voafafy teny amin'ny tany lonaka ka namoa vokatra izay tsara lavitra avo zato heny." Taorian'i Jesosy niteny ireo zavatra ireo, dia niantso mafy Izy hoe: "Izay manan-tsafina hihainoana, aoka izy hihaino." <sup>9</sup> Nanontany Azy ireo mpianany ny amin'ny tian'izany fanoharana izany hambara. <sup>10</sup> Hoy Izy hoe: "Ny fahalalana ny zava-miafin'ny fanjakan'Andriamanitra dia nomena anareo, fa ho an'ny hafa dia miresaka amin'ny fanoharana Aho, mba tsy ahita izy ireo na dia mahita aza, ary tsy hahalala na dia mandre aza." <sup>11</sup> Ary izao no dikan'ilay fanoharana: ny voa dia ny tenin'Andriamanitra. <sup>12</sup> Ireo voafafy teny amin'ny sisin-dalana dia ireo izay mandre, saingy avy eo dia tonga ny devoly ka maka ilay teny tao am-pony, mba tsy hino sy ho voavonjy izy ireo. <sup>13</sup> Ary ireo teo amin'ny vatolampy kosa dia ireo izay, rehefa mandre ny teny, dia mandray izany amin-kafaliana. Nefa tsy misy fakany ireo; vetivety foana ny finoan'izy ireo, ary amin'ny fotoana fitsapana dia lavo izy ireo. <sup>14</sup> Ireo voa voafafy teo amin'ny tsilo dia ireo olona mandre ny teny, fa rehefa mandeha amin'ny lalany izy ireo, dia voagejan'ny fahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan'izao fiainana izao, ka tsy matoy ny voany. <sup>15</sup> Fa ny voa voafafy tamin'ny tany tsara, dia ireo no, mandre ny teny tamin'ny fo marina sy tsara, ary izy ireo mihazona azy tsara ary namokatra ampaharetana. <sup>16</sup> Ary, tsy misy olona, rehefa nandrehitra jiro, dia manarona azy amin'ny sarony na mametraka izany ao ambany fandriana. Fa kosa, mametraka azy eo amin'ny fanaovan-jiro, mba ho hitan'ny olona rehetra izay miditra ny hazavana. <sup>17</sup> Satria tsy misy takona izay tsy ho ampahafantarina, na zavatra miafina izay tsy ho fantatra ary hiseho eo amin'ny hazavana. <sup>18</sup> Koa mihainoa tsara, izay manana, dia mbola homena bebe kokoa, fa ho an'izay tsy manana kosa, na izay heveriny hanany aza dia ho esorina aminy." <sup>19</sup> Avy eo ny reniny sy ny rahalahiny nanatona Azy, nefa tsy afaka nanankaiky Azy nohon'ny vahoaka. <sup>20</sup> Nisy nilaza taminy hoe: "Ny reninao sy ny rahalahinao dia mijoro ao ivelany, te hahita anao." <sup>21</sup> Fa Jesosy namaly sy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ny reniko sy ny rahalahiko dia ireo izay mandre ny tenin'Andriamanitra sy manao izany." <sup>22</sup> Ary indray andro dia nandeha an-tsambo kely Izy niaraka tamin'ireo mpianany, ary Izy nilaza tamin'izy ireo hoe: "Andeha isika ho eny ampitan'ny farihy." Dia lasa izy ireo. <sup>23</sup> Fa raha nandeha iny izy ireo dia resi-tory Jesosy. Ary nisy tafio-drivotra tonga teo amin'ny farihy, ka feno rano ny sambo kely, ary notandindonin-doza izy ireo. <sup>24</sup> Avy eo nankeo aminy ka namoha Azy ireo mpianatr'i Jesosy, nanao hoe: "Tompo o! Tompo o! Ho faty isika!" Ary nifoha Izy ka niteny mafy ny rivotra sy ny rano manonja, ary nitsahatra ireo, ka nisy fitoniana teo. <sup>25</sup> Ary niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Aiza ny finoanareo?" ary natahotra mafy izy ireo. Ary natahotra no sady gaga ihany koa izy ireo, ary nifampanontany hoe: "Iza moa ilay io, no mandidy na ny rivotra sy ny rano aza, ary manaiky Azy ireo?" <sup>26</sup> Izy ireo dia nihazo ny faritr'i Gerasena, izay tandrifin'ny farihin'i Galilea. <sup>27</sup> Ary rehefa niakatra hankeny an-tanety Jesosy, dia nifanena tamin'ny lehilahy iray avy tao an-tanàna izay nisy demonia. Ary efa ela izy no tsy niakanjo, ary tsy nipetraka tao an-trano fa teny amin'ny fasana. <sup>28</sup> Rehefa nahita an'i Jesosy izy, dia nihiaka mafy sy niankohoka teo anoloany ka niteny tamin'ny feo mafy hoe: "Inona no iraisanao amiko, ry Jesosy, zanak'Andriamanitra Avo indrindra o? Miangavy Anao aho, aza mampijaly ahy." <sup>29</sup> Fa Jesosy nandidy ny fanahy maloto hiala tao amin'ilay lehilahy. Fa efa nandritry ny fotoana maro no nangeja azy izany, ka na dia nofatorana tamin'ny rojo sy gadra vy ary nambenana aza izy, dia nopotehiny ireo rojony ary nentin'ny demonia tany an'efitra izy. <sup>30</sup> Jesosy nanontany azy hoe: "Iza no anaranao? Ary hoy izy hoe: "Legiona," fa maro ny demonia izay efa nidira tao aminy. <sup>31</sup> Izy ireo niangavy Azy hatrany mba tsy handefa azy ho any amin'ny lavaka tsy hita noanoa. <sup>32</sup> Ary nisy andian-kisoa maro nisakafo teo akaikin'ny havoana. Ka niangavy Azy ilay demonia mba hamela azy ireo ho ao amin'ireo, ka namela azy Izy. <sup>33</sup> Koa nivoaka tao amin'ilay lehilahy ireo demonia ary nifindra tao amin'ireo kisoa, ary nitratrevatreva tany amin'ny hantsana nankao amin'ny farihy ireo andian- kisoa ka maty. <sup>34</sup> Ary nohon'ny nahita ny zavatra nitranga ireo mpiambina ny kisoa, dia nihazakazaka ka nilaza izany tao an-tanàna sy tany an-tsaha. <sup>35</sup> Noho izany dia nivoaka ny mponina tao an-tanàna mba hijery ny zavatra nitranga, ary nanatona an'i jesosy izy ireo ka nahita ilay lehilahy izay nivoahan'ny demonia. Ary izy nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy,

nitafy ary vory saina; ary raiki-tahotra izy ireo. <sup>36</sup> Avy eo ireo izay nahita izany nilaza azy ireo ny fomba nahasitrana ilay lehilahy nanjakan'ny demonia. <sup>37</sup> Ary ny vahoaka rehetra teo amin'ny faritanin'i Gerasena dia nangataka an'i Jesosy mba hiala eo amin'izy ireo, satria heniky ny tahotra mafy izy ireo. Noho izany dia nandeha an-tsambo kely Izy mba afahan'izy ireo miverina. <sup>38</sup> Ilay lehilahy nivoahan'ny demonia dia niangavy taminy mba hamela azy handeha hiaraka aminy, fa Jesosy nandefa azy, niteny hoe: <sup>39</sup> "Miverena any an-tranona ka manomeza tatitra feno momba izay nataon'Andriamanitra taminao." Ary ilay lehilahy nandeha tamin'ny lalany, dia nanambara manerana ny tanàna rehetra izay nataon'i Jesosy taminy. <sup>40</sup> Ary rehefa niverina Jesosy, dia nandray azy ny vahoaka, fa izy ireo dia efa niandry Azy. <sup>41</sup> Indro, nisy lehilahy iray atao hoe Jairo, izay iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny Synagoga, nanatona sy niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy, ka niangavy azy mba ho any an-tranony, <sup>42</sup> satria ny zanany vavy tokana, izay zazavavy teo amin'ny roa ambin'ny folo taona teo ho eo, dia eo ambavahoanan'ny fahafatesana. Raha nandeha tamin'ny lalany Jesosy, dia niara-nifaneritery nanodidina Azy ny vahoaka maro be. <sup>43</sup> Ary nisy vehivavy iray teo izay efa nadeha rà nandritry ny roa ambin'ny folo taona ary efa nandany ny volany rehetra, <sup>[1]</sup> ary tsy nisy nahasitrana azy na iza na iza. <sup>44</sup> Ary izy dia nankeo aorian'i Jesosy ka nikasika ny rambon-dambany, dia nitsahatra avy hatrany ny ràny. <sup>45</sup> Jesosy niteny hoe: "Iza ilay nikasika Ahy teo?" Rehefa nandà ny rehetra, dia hoy Petera hoe: "Tompo, manodidina Anao avokoa ny vahoaka rehetra ary manery Anao." <sup>46</sup> Fa Jesosy niteny hoe: "Nisy nikasika Aho, satria fantatro fa nisy hery niala avy tato amiko." <sup>47</sup> Rehefa hitan'ilay vehivavy fa tsy takona izy, dia nangovitry izy ary niankohoka teo Aminy. Nambarany teo imason'ny olona ny antony nikasihany Azy, sy ny fomba nahasitrana azy avy hatrany. <sup>48</sup> Ary Izy niteny taminy hoe: "Ry zanaka vavy, ny finoanao no nahasitrana anao. Mandehana am-piadanana." <sup>49</sup> Avy eo raha mbola niteny izy, dia nisy olona iray avy amin'ny tranon'ny mpitarika synagoga, nanao hoe: "Maty ny zanaka vavy. Aza manahirana ny mpampianatra intsony." <sup>50</sup> Fa rehefa nandre izany Jesosy, dia namaly an'i Jairo Izy hoe: "Aza matahotra; minoa fotsiny ihany, dia ho sitrana izy." <sup>51</sup> Rehefa nankao an-trano Izy, dia tsy namela na dia olona iray aza hiara-hiditra aminy ankoatran'i Petera sy Jaona sy Jakoba, sy ny rain'ilay zaza ary ny reniny. <sup>52</sup> Ary ny rehetra dia nisaona sy nitomany azy, <sup>53</sup> Fa Izy niteny hoe: "Aza mitomany; tsy maty izy fa matory." Dia nihomehy Azy izy ireo, satria fantatra fa maty ilay zaza vavy. <sup>54</sup> Fa noraisiny tamin'ny tanana izy ka niantso mafy, niteny hoe: "Anaka, mitsangàna!" <sup>55</sup> Ary niverina ny fanahiny, ka niharina avy hatrany izy. Ary nibaiko azy ireo Izy mba hanome hanina ho azy. <sup>56</sup> Ary gaga ny Ray aman-dreniny, fa Izy kosa nandrara azy ireo mba tsy hilaza na amin'iza na iza ny zavatra izay nitranga.

## Footnotes

8:43 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ireo manam-pahaizana dia mizarazara hevitra raha tokony ampidirina eto ny fehezanteny hoe: "Nandany ny volany rehetra (izy)

## Luke 8:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fitorian'i Jesosy teny am-pandehana.

### Dia izao no nitranga

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

### izay sitrana tamin'ny fanahy ratsy sy aretina

DH: "Izay nafahan'i Jesosy tamin'ny fanahy ratsy sy nositrany tamin'ireo aretina."

### namoahana demonia fito

DH: "Jesosy nandroaka demonia fito"

## Johana vadin'i Koza, mpitan-draharahan'i Heroda

Johana dia vadin'i Koza, ary Koza dia mpitan-draharahan'i Heroda.

### Nanome azy ireo

"nanohana an'i Jesosy sy ireo mpianany roa ambin'ny folo ara-bola ."

## Luke 8:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manao fanoharana ny tany amin'ny vahoaka. Manazava ny dikan'izany amin'ireo mpianany Izy.

### nanatona Azy

"nanatona an'i Jesosy"

**"Nisy mpamboly nivoaka mba hamafy ny voany**  
**"Nisy mpamboly nivoaka mba hanaparitaka voa**  
**amin'ny saha"**

**voahitsakitsaka izany**

DH: "nandeha teo amin'izany ny olona"

**voron'ny lanitra**

Ity fomba fiteny ity dia afaka adika tsotra hoe  
 "vorona"

**tsy nisy hamandoana**

"maina loatra ilay izy." DH: "maina loatra ilay tany"

## **Luke 8:7**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy namita niteny ny fanoharany tamin'ny  
 vahoaka.

**nangeja izany**

nalain'ny tsilon'ilay zava-maniry avokoa ny  
 otrikaina, rano, sy masoandro ka tsy afaka nitombo  
 tsara ny zava-manirin'ilay mpamboly.

**izay manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino**

Ireo dika azo atao: 1) "ny rehetra" satria ny rehetra  
 dia manan-tsofina. na 2) "na iza na iza manana  
 fahaizana manakatra" izay maneho ireo izay vonona  
 hihaino an'Andriamanitra.

## **Luke 8:9**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka miresaka amin'ireo mpianany

**Ny fahalalana ny ... nomena anareo**

DH: "Nomen'Andriamanitra anareo ny fahalalana  
 ny ... Andriamanitra" na "Ándriamanitra nanome  
 fahafahana anareo hahazo ny ... Andriamanitra"

**ny zava-miafin'ny fanjakan'Andriamanitra**

Ireo dia ireo marina izay nafenina, fa ankehitriny  
 Jesosy manambara izany.

**ho an'ny hafa**

"ho an'ny olona hafa." Ity dia maneho ireo olona  
 izay nandà ny fampianaran'i Jesosy sy tsy nanaraka  
 Azy.

**mba tsy hahita izy ireo na dia mahita aza**

DH: "na dia mahita zavatra aza izy ireo, dia tsy  
 hahatakatra izany" na "na dia mahita zavatra  
 mitranga aza izy ireo, dia tsy ho azon'izy ireo ny  
 dikan'izany"

**tsy hahalala na dia mandre aza**

"na dia mandre aza izy ireo, dia tsy haazo." Ity dia  
 teny nalaina tamin'Isaia mpaminany. DH: "na dia  
 mandre fampianarana aza izy ireo, dia tsy hatakatra  
 ny marina"

## **Luke 8:11**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka manazava amin'ireo mpianany  
 ny dikan'ny fanoharana momban'ilay tany.

**ny voa dia ny tenin'Andriamanitra**

"ny voa dia maneho ny tenin'Andriamanitra"

**Ireo voafafy teny amin'ny sisin-dalana**

"Ireo voa voafafy teny amin'ny sisin-dalana." DH:  
 "Izay mitranga amin'ireo voa voafafy teny an-  
 dalana"

**dia ireo izay**

DH: "mampiseho izay mitranga amin'ny olona izay"

**tonga ny devoly ka maka ilay teny tao am-pony**

Ity dia midika hoe ataony adinon'izy ireo ny  
 tenin'Andriamanitra izay ren'izy ireo teo.

**ireo teo amin'ny vatolampy**

"ireo voa izay voafafy teny amin'ny tany be vato."  
 DH: "Izay mitranga amin'ireo voa eny amin'ny tany  
 feno vato"

**amin'ny fotoana fitsapana**

"rehefa miaina zava-tsarotra izy ireo"

**dia lavo izy ireo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "nitsahatra tsy  
 nino izy ireo" na "tsy nanaraka an'i Jesosy intsony  
 izy ireo"

## **Luke 8:14**

**Ireo voa voafafy teny amin'ny tsilo**

DH: "Izay mitranga amin'ireo voa voafafy teny  
 amin'ny tsilo"

**ireo olona izay**

DH: "mampiseho izay mitranga amin'ny olona izay"

**voageja ... fahafinaretan'izao fiainana izao**

DH: "Ny fiahiana sy harena ary fahafinaretan'izao  
 fiainana izao dia nangeja azy ireo"

**fiahiana**

"ireo zavatra izay hataoran'ny olona"

**fahafinaretan'izao fiainana izao**

"ireo zavatra eo amin'ny fiainana izay ankafizin'ny  
 olona"

**voagejan'ny ... fahafinaretan'izao fiainana izao**

Ity sariteny ity dia maneho ny fomba hanapahan'ny  
 ahi-dratsy ny hazavana sy otrikaina amin'ny zava-  
 maniry ka mitazona azy ireo tsy haniry. DH: "Toy ny  
 tsy hamelan'ny ahi-dratsy ny zava-maniry tsara  
 haniry, no hitazoman'ny fiahiana, harena, ary  
 fahafinaretan'ny fiainana ny olona tsy hatoy koa."

**tsy matoy ny voany**

"tsy mitondra voankazo masaka." Ny voankazo matoy dia sariteny ho an'ny asa tsara. DH: "Toy ny tsy hamokaran'ny zava-maniry voankazo matoy, no tsy hamokaran'izy ireo asa tsara koa"

**ny voa voafafy tamin'ny tany tsara**

DH: "izay mitranga amin'ireo voa voafafy tamin'ny tany tsara"

**ireo no**

DH: "mampiseho izay mitranga amin'ny olona izay"

**mamokatra am-paharetana**

"mamokatra voa amin'ny fiharetana maharitra" na "mamokatra voa amin'ny fanohizana ezaka." Ny voankazo dia sariteny ho an'ny asa tsara. DH: "toy ny zava-maniry salama izay mamokatra voa tsara, no hamokaran'izy ireo asa tsara koa amin'ny fiharetana"

**Luke 8:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy amin'ny fanoharana hafa avy eo Izy mamarana ny resaka amin'ireo mpianany eo ampanamafisana ny andraikitry ny fianakaviany amin'ny asany.

**Ary, tsy misy olona**

Ity dia manamarika ny fiantombohan'ny fanoharana iray hafa.

**tsy misy takona izay tsy ho ampahafantarina**

DH: "ny zavatra rehetra izay afenina dia ho ampahafantarina"

**na zavatra mifafina izay tsy ho fantatra ary hiseho eo amin'ny hazavana**

DH: "ary ny zavatra rehetra izay mifafina dia ho ampahafantarina sy hiseho amin'ny hazavana"

**izay manana, dia mbola homena bebe kokoa**

Mazava tsara ao amin'ny hevitra fa Jesosy dia miresaka momban'ny fahazoana sy finoana. DH: "'na iza na iza manana ny fahazoana dia homena fahazoana bebe kokoa" na "Andriamanitra dia hanafaka ireo izay mino ny marina mba hatakatra bebe kokoa"

**fa ho an'izay tsy manana kosa ... ho esorina aminy**

Mazava tsara ao amin'ny hevitra fa Jesosy dia miresaka momban'ny fahazoana sy finoana. DH: "'Fa na iza na iza tsy manana fahazoana dia hanary ny fahazoana eritreretiny fa efa nananany." na "Fa Andriamanitra dia tsy hampahazo ireo izay tsy mino ny marina na dia ny zavatra kely eritreretin'izy ireo fa efa azony aza."

**Luke 8:19****rahalahiny**

Ireo dia ny rahalahin'i Jesosy\_ zanak'i Josefa sy Maria hafa izay teraka taorian'i Jesosy.

**Nisy nilaza taminy hoe**

DH: "Nisy olona nilaza taminy"

**te-hahita Anao**

"ary te-hahita Anao izy ireo"

**Ny reniko sy ny rahalahiko dia ireo izay mandre ny tenin'Andriamanitra sy manao izany**

Ity sariteny ity dia manambara fa ny olona izay tonga hihaino an'i Jesosy dia nanan-danja taminy koa toy ny fianakaviany manokana. DH: "Ireo izay mandre ny tenin'Andriamanitra sy mankatoa izany dia toy ny reny sy rahalahy Amiko" na "Ireo izay mandre ny tenin' Andriamanitra sy mankatoa izany dia manan- danja Amiko toy ny reniko sy rahalahiko"

**Luke 8:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy sy ireo mpianany avy eo nampiasa sambo hiampitana ny farihin'i Genesareta. Nianatra bebe kokoa ny momban'ny herin'i Jesosy tamin'ny alalan'ny tafio-drivotra izay niseho ireo mpianatra.

**ny farihy**

Ity dia ilay farihin'i Genesareta izay antsoina koa hoe Ranomasin'i Galilia.

**dia lasa izy ireo**

Ity fomba fiteny ity dia midika fa nanomboka nandeha nanerana ny farihy tao anatin'ny sambony izy ireo.

**fa raha nandeha iny izy ireo**

"raha iny lasa iny izy ireo"

**resi-tory**

"natory"

**feno rano ny sambo**

DH: "nahatonga onja mahery be ilay rivotra ka nanomboka feno rano ny sambo"

**Luke 8:24****rano manonja**

"ny onja mahery"

**nitsahatra ireo**

"nitsahatra ny rivotra sy onja"

**Aiza ny finoanareo?**

Jesosy niteny mafy azy ireo tamim-pahalem-panahy satria tsy nahatoky Azy izy ireo fa hiahny azy ireo. DH: "Tokony nanam-pinoana ianareo" na "'Tokony nahatoky Ahy ianareo"



**Iza moa ilay io ... manaiky Azy ireo?**

"Karazan'olona manao ahoana ity ... manaiky Azy ireo?" Ity fanontaniana ity dia manambara ny fahatairana sy fifanjevona momban'ny fomba nafahan'i Jesosy nifehy ilay tafio-drivotra.

**Luke 8:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy sy ireo mpianany tonga an-tanety tao Gerasena izay namoahan'i Jesosy demonia maro avy tao amin'ny lehilahy iray.

**tandrifin'ny farihin'i Galilia**

"teny am-pitan'ny farihin'i Galilia"

**lehilahy iray avy ao amin'ny tanàna**

"lehilahy iray avy ao amin'ny tanànan'i Gerasena"

**lehilahy iray avy ao amin'ny tanàna izay nisy demonia**

Nisy demonia ilay lehilahy; fa tsy ilay tanàna no nisy demonia. DH: "lehilahy iray avy ao amin'ny tanàna, ary io lehilahy io dia nisy demonia"

**izay nisy demonia**

"izay nanjakan'ny demonia"

**Ary efa ela izy no tsy niakanjo ... fa teny amin'ny fasana**

Ity dia fampahafantarana fototra momban'ilay lehilahy nisy demonia.

**Luke 8:28****rehefa nahita an'i Jesosy izy**

"rehefa nahita an'i Jesosy ilay lehilahy nisy demonia"

**niankohoka teo anoloany**

"niankohoka tamin'ny tany manoloana an'i Jesosy." Tsy nianjera tsy nahy izy.

**Inona no iraisanao amiko**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "Nahoana ianao no manelingelina ahy?"

**Zanak'Andriamanitra Avo indrindra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**Fa efa nandritry ny fotoana maro no nangeja azy izany**

"efa nanadritry ny fotoana maro no nanjaka ilay lehilahy izany." Ity dia milaza izay efa vitan'ilay demonia nandritry ny fotoana maro talohan'ny nihaonan'ilay lehilahy tamin'i Jesosy.

**na dia nofatorana ... nambenana aza izy**

DH: "na dia nofatoran'ny olona tamin'ny rojo sy gadra vy ary nambenana aza izy"

**Luke 8:30****Legiona**

Adikao amin'ny teny izay maneho ny fiantsoana miaramila na olona maro ity. Ny dika-teny sasany dia manao hoe "tafika." DH: "andia" na "borigady"

**niangavy Azy hatrany**

"niangavy an'i Jesosy hatrany"

**Luke 8:32****Ary nisy andian-kisoa maro nisakafo teo akaikin'ny havoana**

Ity dia omena toy ny fampahafantarana fototra mba hampidirana ireo kisoa.

**nisakafo teo akaikin'ny havoana**

"teo akaiky teo nihinana bozaka teo amin'ny havoana"

**koa nivoka ireo demonia**

Ny teny hoe "koa" dia nampiasaia eto mba hanazavana fa ny antony nivoahan'ireo demonia tao amin'ilay lehilahy dia satria Jesosy niteny azy ireo fa afaka mandeha mankao amin'ireo kisoa izy ireo.

**nitratrevatreva**

"nihazakazaka mafy"

**Luke 8:34****vory saina**

"nitondra tena araka ny tokony ho izy"

**nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy**

"nipetraka teo an-tongotra" dia midika hoe "nipetraka am-panetre-tena teo akaiky teo" na "nipetraka teo anoloana." DH: "Nipetraka teo amin'ny tany manoloana an'i Jesosy"

**raiki-tahotra izy ireo**

"natahotra an'i Jesosy izy ireo"

**Luke 8:36****ireo izay nahita izany**

"ireo izay nahita ny zava-nitranga"

**nahasitrana ilay lehilahy nanjakan'ny demonia**

DH: "Jesosy nanasitrana ilay lehilahy izay nanjakan'ny demonia"

**heniky ny tahotra mafy izy ireo**

DH: "lasa natahotra mafy izy ireo"

**miverina**

"hiverina manerana ny farihy"

**Luke 8:38****Ilay lehilahy**

Ireo hetsika ao amin'ireto andininy ireto dia nitranga talohan'ny nandehanan'i Jesosy tao amin'ny sambo. Mety hanampy ny fametrahana ity eny am-boalohany. DH: "Mialohan'ny nandehanan'i Jesosy sy ireo mpianany, dia ... ilay lehilahy" na "mialohan'ny niondranan'i Jesosy sy ireo mpianany an-tsambo, dia .. ilay lehilahy"

**any an-tranonao**

"any amin'ny fianakavianao"

**manomeza tatitra feno momba izay nataon'****Andriamanitra taminao**

"ary lazao azy ireo ny zavatra rehetra momba izay vitan'Andriamanitra ho anao"

**Luke 8:40****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Rehefa niverina tany Galilia tany am-pitan'ny farihy Jesosy sy ireo mpianany, dia nanasitrana ilay zanaka vavy 12 taona an'ny mpanapaka ny synagoga Izy sy vehivavy iray izay nandeha rà nandritry ny 12 taona koa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'i Jairo.

**nandray Azy tsara ny vahoaka**

"niarahaba am-pifaliana Azy ny vahoaka"

**iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny synagoga**

"iray amin'ireo mpitarika ao amin'ny synagoga eo an-tanàna" na "mpitarika ny olona izay mihaona ao amin'ny synagoga ao amin'izany tanàna izany"

**niankohoka teo an-togotr'i Jesosy**

Ireo dika azo atao: 1) "nandoalika teo an-togotr'i Jesosy" na 2) "natory tamin'ny tany teo an-togotr' i Jesosy." Jairo dia tsy nianjera tsy nahy. Nanao izao izy ho famantarana ny fanetre-teny sy fanajany an'i Jesosy.

**ambavahoanan'ny fahafatesana**

"izay efa ho faty"

**Raha nandeha tamin'ny lalany Jesosy**

Ny dika-teny sasany dia mety mila milaza aloha fa Jesosy dia nanaiky hiaraka amin'i Jairo. DH: "Noho izany dia nanaiky Jesosy fa hiaraka aminy. Raha nandeha tamin'ny lalany Izy"

**Luke 8:43****nisy vehivavy iray teo**

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

**efa nandeha rà**

"nisy rà mikoriana." Mety nandeha rà avy ao an-kibony izy na dia mbola tsy fotoanan'ny fadim-bolany aza. Ny kolontsaina sasany dia mety manana fomba mihaja anehoana izany.

**ary tsy nisy nahasitrana azy na iza na iza**

DH: "tsy nisy afaka nanasitrana azy ny tamin'izy ireo"

**Luke 8:45****manodidina Anao ny vahoaka ... manery Anao izy ireo**

Amin'ny fitenenana ity, Petera dia milaza fa mety nakasika an'i Jesosy avokoa ny olona rehetra. DH: "feno olona maro manodidina Anao ary manery Anao, noho izany dia mety nikasika Anao avokoa ny tsirairay tamin'izy ireo!"

**Nisy nikasika Aho**

Mety hanampy ny fanavahana ny "kasika" niniana natao sy ny kasika tsy nahin'ny olona. DH: "Fantatro fa nisy olona ninia nikasika Ahy"

**fantatro fa nisy hery niala avy tato amiko**

Jesosy tsy nahavery ny heriny na hoe lasa malemy, fa ny heriny no nanasitrana ilay vehivavy. DH: "Fantatro fa nisy hery fanasitrana nivoaka avy tao anatiko" na "tsapako nanasitrana olona ny heriko"

**Luke 8:47****fa tsy takona izy**

"fa tsy afaka nitazona miafina izay nataony izy." Mety hanampy ny filazana izay nataony. DH: "fa tsy afaka nitazona izany ho tsiambaratelo izy fa hoe izy ilay nikasika an'i Jesosy"

**nangovitry izy**

"nangovitry ny tahotra izy"

**niankohoka teo Aminy**

Ireo dika azo atao: 1) "Nandohalika nanoloana an'i Jesosy izy" na 2) "natory tamin'ny tany teo an-togotr'i Jesosy izy." Tsy nianjera tsy nahy izy. Ity dia famantarana ny fanetre-tena sy fanajana ho an'i Jesosy.

**teo imason'ny**

"teo amin'ny" na "teo amin'ny fanatrehan'ny"

**Ry zanaka vavy**

Ity dia karazana fomba firesahana amin'ny vehivavy. Ny fiteninana dia mety manana fomba hafa hampisehoana ity hatsaram-panahy ity.

**ny finoanao no nahasitrana anao**

"nohon'ny finoanao, dia sitrana ianao." Ny "finoana" dia afaka aseho toy ny hetsika. DH: "satria mino ianao, dia sitrana"

**mandehana am-piadanana**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "veloma" sady manome tso-drano. DH: "raha iny ianao mandeha iny, dia aza matahotra intsony" na "Andriamanitra anie hanome fiadanana anao raha iny ianao mandeha iny."

**Luke 8:49****Raha mbola niteny izy**

"raha mbola niresaka tamin'ilay vehivavy Jesosy"

**mpitarika synagoga**

Ity dia maneho an'i Jairo

**Aza manahirana ny mpampianatra**

Ity fanambarana ity dia miteny ambadika hoe Jesosy dia tsy afaka hanao na inona na inona hanampiana intsony fa efa maty ilay zaza vavy.

**ny mpampianatra**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**ho sitrana izy**

"ho velona indray izy"

**Luke 8:51****Rehefa nankao an-trano izy**

"rehefa nankao an-trano izy ireo." Jesosy nankao niaraka tamin'i Jairo. Nisy mpianatr'i Jesosy sasany nanaraka azy ireo koa.

**tsy namela olona ... ankoatran'i Petera sy Jaona ary Jakoba, sy ny rain'ilay zaza ary ny reniny**

DH: "Petera, Jaona, ary Jakoba, sy ny rain'ilay zaza ary ny reniny ihany no navelan'i Jesosy hiditra ao miaraka Aminy"

**ny rain'ilay zaza**

Ity dia maneho an'i Jairo.

**ny rehetra dia nisaona sy nitomany azy**

Ity no fomba ara-dalàna hampisehoana alahelo amin'izany kolontsaina izany. DH: "ny olona rehetra tao dia nampiseho ny alahelo sy ny fitomaniana ary ny fitabataban'izy ireo satria maty ilay zaza vavy.

**satria fantatra fa maty ilay zaza vavy**

"satria fantatr'izy ireo fa efa maty ilay zaza vavy"

**Luke 8:54****noraisiny tamin'ny tanana izy**

"noraisin'i Jesosy ny tanan'ilay zaza vavy"

**Anaka, mitsangàna**

"Ry zaza vavy, mitsangàna"

**niverina ny fanahiny**

"niverina tao amin'ny vatany ny fanahiny." Ireo Jiosy dia nahazo fa ny aina dia vokatrin'ny fanahy tonga ao amin'ny olona iray. DH: "Niaina indray ilay vehivavy" na "velona indray izy"

**fanahy**

"fofon'aina" na "aina"

**hanome hanina azy**

DH: "mba hanome zavatra hoanina ho azy"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Niantso ireo roa ambin'ny folo lahy Izy ary nanome azy ireo ny hery sy fahefana amin'ireo demonia rehetra ary hanasitrana ireo aretina. <sup>2</sup> Nalefany izy ireo hitory ny fanjakanan'Andriamanitra sy hanasitrana ny marary. <sup>3</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo Izy hoe: "Aza mitondra na inona na inona amin'ny dianareo \_ tsy misy tehina, tsy misy kitapom-batsy, tsy misy mofo, tsy misy vola, ary tsy misy akanjo fanampiny. <sup>4</sup> Izay trano idiranareo, dia mijanona ao mandra-pialanareo. <sup>5</sup> Na aiza na aiza tsy handraisana'izy ireo anareo, rehefa mandao izany tanàna izany ianareo, dia ahintsano hiala amin'ny tongotrareo ny vovoka mba ho fijoroana vavolombelona anoharana azy ireo." <sup>6</sup> Avy eo dia lasa izy ireo ary namakivaky ireo tanàna, nitory ny filazantsara sy nanasitrana teny rehetra teny. <sup>7</sup> Ary henon'i Eroda mpanapaka avokoa ireo izay nitranga rehetra, ary dia very hevitra izy, satria voalazan'ny sasany fa Jaona mpanao batisa dia nitsangana tamin'ny maty, <sup>8</sup> ary voalaza fa niseho Elia, ary ny sasany kosa milaza fa iray tamin'ireo mpaminany fahiny no nitsangana tamin'ny maty. <sup>9</sup> Hoy Eroda hoe: "Izaho no nanapa-doha an'i Jaona, koa iza indray izany olona andrenesako zavatra tahaka izany?" Ary niezaka ny ahita Azy izy. <sup>10</sup> Rehefa niverina ireo apostoly, dia nitantara taminy ireo zavatra rehetra vitan'izy ireo. Avy eo nentiny niaraka taminy izy ireo, ary nandeha nitokana ho amin'ny tanàna antsoina hoe Betsaida. <sup>11</sup> Fa vao nandre ny momba izany ireo vahoaka, dia nanaraka Azy. Dia noraisiny izy ireo ary nambarany azy ireo ny momban'ny fanjakan'Andriamanitra, ary nanasitrana ireo izay nila fanasitrana Izy. <sup>12</sup> Ary rehefa ho ariva ny andro, dia nanatona Azy ireo roa ambin'ny folo ka niteny hoe: "Alefaso andeha ireo vahoaka mba afahan'izy ireo mandeha any amin'ireo tanàna manodidina sy ambanivohitra mba hahita fatoriana sy sakafo, satria aty amin'ny tany foana isika." <sup>13</sup> Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Omenareo zavatra ho hanina izy ireo." Ary niteny ireo hoe: "Tsy manana mihoatra noho ny mofo dimy sy hazandrano roa izahay \_ raha tsy hoe mandeha izahay ary mividy sakafo ho an'ireo olona rehetra ireo." <sup>14</sup> (Teo dia nisy teo amin'ny lehilahy dimy arivo teo ho eo). Ary nilaza tamin'ireo mpianany Izy hoe: "Apetraho ho vondrona dimampolo isan'isany izy ireo." <sup>15</sup> Koa dia nanao izany izy ireo, ary nampipetraka ireo vahoaka. <sup>16</sup> Nandray ireo mofo dimy sy hazandrano roa, dia niandrindra ny lanitra Izy, nisaotra ireo ary nozarazarainy, ka dia nomeny ireo mpianatra izany mba ho tolora ireo vahoaka. <sup>17</sup> Nihinana izy rehetra ka afa-po, ary nangonina ireo sisa tsy lany \_ ka nisy potipotiny roa ambin'ny folo harona. <sup>18</sup> Ary rehefa nivavaka manokana Jesosy, dia niaraka taminy ireo mpianatra. Dia nanontany azy ireo Izy, nanao hoe: "Ataon'ireo vahoaka ho iza moa aho?" <sup>19</sup> Namaly izy ireo hoe: "Jaona mpanao batisa. Fa ireo sasany nilaza hoe Elia, ary ireo sasany milaza fa nitsangana tamin'ny maty ny iray tamin'ireo mpaminany fahiny." <sup>20</sup> Ary niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Fa ataonao ho iza moa Aho?" Namaly Petera hoe: "Ilay Kristin'Andriamanitra." <sup>21</sup> Fa noraràny mafy izy ireo tsy hilaza izany na amin'iza na iza, <sup>22</sup> nanao hoe: "Ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro ary ho lavin'ireo loholona sy lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna, ho vonoina Izy ary amin'ny andro fahatelo dia hatsangana." <sup>23</sup> Ary hoy Izy tamin'izy rehetra hoe: "Raha misy te hanaraka ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy ary mitondra ny hazofijaliany isan'andro ary manaraka Ahy. <sup>24</sup> Na iza na iza te hanavotra ny ainy dia hanary izany, fa na iza na iza manary ny ainy noho ny fitiavana Ahy dia hanavotra izany. <sup>25</sup> Inona no tsara azon'ny olona amin'ny fananana izao tontolo izao, kanefa manary na mamotika ny ainy? <sup>26</sup> Fa na iza na iza menatra ny amiko sy ireo teniko, dia ho menatra azy koa ny Zanak'Olona rehefa tonga amin'ny voninahiny, sy ny voninahitry ny Ray sy ireo anjely masina Izy. <sup>27</sup> Fa lazaiko marina aminareo, fa ny sasany amin'ireo izay mitsangana eto dia tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny fanjakan' Andriamanitra." <sup>28</sup> Ary valo andro teo ho eo taorian'ny nilazan'i Jesosy ireo teny ireo, dia nentiny niaraka taminy Petera sy Jaona ary Jakoba ka niakatra ny tendrombohitra hivavaka. <sup>29</sup> Raha nivavaka iny Izy, dia niova ny endriky ny tarehiny, ary nivadika fotsy manjelanjelatra ny akanjony. <sup>30</sup> Indro, nisy roa lahy niresaka taminy, Mosesy sy Elisa, <sup>31</sup> izay niseho tamim-boninahitra mamirapiratra. Niresaka momba ny fialàny Izy, izay ho entiny ho ho tanterahina any Jerosalema. <sup>32</sup> Ary Petera sy ireo izay niaraka taminy dia navesatrin'ny torimasoa, fa rehefa tena taitra tanteraka izy ireo, dia nahita ny voninahiny sy ireo lehilahy roa izay nitsangana niaraka taminy. <sup>33</sup> Ary rehefa niala nanalavitra an'i Jesosy izy ireo, dia hoy Petera taminy hoe: "Tompo, tsara amintsika ny mijanona eto. Avelao izahay hanamboatra fialofana telo, iray ho Anao, iray ho an'i Mosesy, ary iray ho an'i Elia." (Tsy fantany izay nolazainy.) <sup>34</sup> Teo am-pitenenany izany izy, dia nisy rahona tonga nanarona azy ireo, ka dia natahoatra izy ireo rehefa niditra tao amin'ilay rahona. <sup>35</sup> Nisy feo nivoaka avy tany amin'ilay rahona, nanao hoe: "Inty no Zanaka Lahiko, ilay Iray izay voafidy; henoy Izy." <sup>36</sup> Rehefa niteny ilay feo, dia Jesosy irery no hita teo. Nitazona ny fahanginany izy ireo ary tsy niteny tamin'iza na iza tamin'izany andro izany ny momba izay rehetra hitan'izy ireo. <sup>37</sup> Ary ny andro manaraka an'io, rehefa nidina avy any an-tendrombohitra izy ireo, dia vahoaka maro nifanena taminy. <sup>38</sup> Indro, nisy lehilahy iray

avy tao amin'ny vahoaka no nihiaka mafy, nanao hoe: "Ry mpampianatra o, mitalaho aminao aho mba hijery ity zanako lahy ity, fa zanako tokana izy." <sup>39</sup> Hitanao, misy fanahy mibaiko azy dia mihiaka tampoka izy; mampifanintona azy izany ka mampamoaka roatra ny vavany. Tsy miala aminy izany ary mahatorovana tanteraka azy. <sup>40</sup> Nitalaho tamin'ireo mpianatrao aho mba hanala izany, fa tsy afak'izy ireo." <sup>41</sup> Namaly Jesosy ka nanao hoe: "Ianareo tsy mpino sy taranaka ratsy fitondran-tena, hafiriana no tsy maintsy hitoerako miaraka aminareo sy hiaretako miaraka aminareo? Ento ety ny zanakao lahy." <sup>42</sup> Rehefa nanatona ilay zaza lahy, dia natsipin'ny demonia tamin'ny tany izy ary nampihinjitsinjitra azy. Fa Jesosy niteny mafy ilay fanahy maloto ary nanasitrana ilay zaza lahy, ary namerina azy tany amin'ny rainy. <sup>43</sup> Ary avy eo dia talanjona avokoa izy rehetra nahita ny halehiben'Andriamanitra. Raha gaga tamin'ny zava-drehetra nataony iny izy ireo, dia hoy Izy tamin'ny mpianany hoe: <sup>44</sup> "Avelao ireto teny ireto ho tonga lalina ao an-tsofinareo: ny Zanak'Olona dia ho vadihana ho eo an-tanan'olona." <sup>45</sup> Fa tsy azon'izy ireo izany fanambarana izany. Izany dia nafenina tamin'izy ireo, noho izany dia tsy azon'izy ireo ny dikan'izany, ary mbola natahotra izy ireo ny hanontany ny momba izany fanambarana izany. <sup>46</sup> Ary avy eo dia nisy fifandirana nanomboka teo amin'izy ireo ny amin'izay ho lehibe indrindra amin'izy ireo. <sup>47</sup> Fa Jesosy, nahafantatra ny fihevitra tany am-pon'izy ireo, dia naka zazakely iray ka napetrany teo anilany <sup>48</sup> ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Fa na iza mandray ity zaza ity amin'ny anarako, dia mandray Ahy; ary na iza na iza mandray Ahy, dia mandray ilay Iray izay naniraka Ahy. Fa izay kely indrindra aminareo rehetra no lehibe." <sup>49</sup> Jaona namaly hoe: "Tompo o, nahita olona iray izahay nanala demonia tamin'ny anaranao dia nosakananay izy, satria izy tsy manara-dia miaraka aminay." <sup>50</sup> "Aza raràna izy," hoy Jesosy, "satria izay tsy manohitra anareo dia momba anareo." <sup>51</sup> Rehefa nanakaiky ny andro ampiakarana Azy, dia niatrika ho any Jerosalema Izy. <sup>52</sup> Nandefa mpitondra hafatra Izy hialoha Azy, ary nandeha izy ireo ka niditra tao amin'ny tanàna Samaritana iray mba hanomana ny zavatra rehetra ho Azy. <sup>53</sup> Fa ny vahoaka tao tsy nandray Azy, satria nitodika ho any Jerosalema Izy. <sup>54</sup> Rehefa nahita izany Jakoba sy Jaona mpianatra, dia hoy izy ireo hoe: "Tompoko, tianao ve izahay raha handefa afo milatsaka avy any an-danitra mba hamotika azy ireo?" <sup>55</sup> Fa nitodika Izy ary niteny mafy tamin'izy ireo, <sup>56</sup> ary lasa tany amin'ny tanàna hafa izy ireo. <sup>57</sup> Ary rehefa nandeha teny an-dalana izy ireo, dia nisy olona iray nanao taminy hoe: "Hanaraka Anao aho na aiza na aiza alehanao." <sup>58</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, ary ireo vorona eny an-danitra dia manana ny akaniny, fa ny Zanak'Olona tsy manana toerana asiana ny lohany." <sup>59</sup> Ary hoy Izy tamin'ny hafa hoe: "Manaraha Ahy." Fa hoy izy hoe: "Tompoko, avelao aho aloha handeha handevina ny raiko." <sup>60</sup> Fa hoy Izy taminy hoe: "Avelao ny maty handevina ny maty ao aminy. Fa ho anao, mandehana ka mitoria any lavitra any ary hitaro ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>61</sup> Ary nisy olona hafa nanao hoe: "Hanaraka Anao aho, Tompo, fa avelao aho aloha hanao veloma ireo any an-tranoko." <sup>62</sup> Jesosy namaly azy hoe: "Tsy misy olona mitàna angady ary miherika ka mendrika ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."

## Luke 9:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy mampatsiahy ireo mpianany ny tsy tokony hianteharana amin'ny vola sy ny zavatr'izy ireo, omeo hery izy ireo, ary avy eo alefao any amin'ny tanàna isan-karazany.

### hery sy fahefana

Ireo teny ireo dia niara-nampiasaina mba hampisehoana fa ireo roa ambin'ny folo dia samy manana ny fahaizana sy ny zo hanasitrana olona.

### ireo demonia rehetra

Ireo dika azo atao: 1) "ny demonia rehetra" na 2) "'ireo karazana demonia rehetra."

### nalefany izy ireo

"nandefa azy ireo tany amin'ny toerana isan-karazany" na "niteny azy ireo mba handeha"

## Luke 9:3

### Hoy Izy tamin'izy ireo

"Jesosy niteny tamin'ireo roa ambin'ny folo." Mety hanampy ny filazana fa ity dia nitranga talohan'ny nandehanan'izy ireo. DH: "mialohan'ny nandehanan'izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe"

### Aza mitondra na inona na inona

"Aza mitondra na inona na inona miaraka aminareo"

### amin'ny dianareo

"rehefa mandeha ianareo." Tsy tokony hitondra na inona na inona izy ireo ho an'ny diany manontolo, mandra-piverin'izy ireo eo amin'i Jesosy.

### tehina

"tsorakazo" na "tapa-kazo fentina mandeha." Afaka hampiasaina hanoherana mpanafika.

**kitapom-bary**

harona fampiasan'ny olona mpandeha amin'ny dia lavitra mba hitondrana izay ilain'izy ireo amin'ny diany.

**mofo**

sakafo

**Izay trano hidiranareo**

"na inona na inona trano hidiranareo"

**mijanona ao**

"mitoera ao" na "mitoera vetivety ao toy ny vahiny"

**mandra-pialanareo**

"mandra-pialanareo ao amin'izany tanàna izany" na "mandra-pialanareo ao amin'io toerana io"

**Luke 9:5****Na aiza na aiza tsy handraisan'izy ireo anareo**

"Izao no tokony hataonareo any amin'ny toerana izay tsy handraisan'ny olona anareo"

**ahintsano hiala amin'ny tongotrareo ny vovoka mba ho fijoroana vavolombelona anoharana azy ireo**

Ny hoe "ahintsano hiala amin'ny tongotrareo ny vovoka" dia fomba fiteny maneho faniliana mafy amin'izany kolontsaina izany. Izany dia mampiseho fa tsy nilain'izy ireo hitoetra ao amin'izy ireo na dia ny vovok'izany tanàna izany aza.

**lasa izy ireo**

"nandao ilay toerana nisy an'i Jesosy izy ireo"

**teny rehetra teny**

"teny amin'izay rehetra nalehan'izy ireo"

**Luke 9:7****Heroda mpanapaka**

Ity dia maneho an'i Heroda Antipasy, izay mpanapaka ny ampa-efatr'Israely.

**very hevitra**

"sahiran-tsaina"

**voalazan'ny sasany ... ary voalaza ... ary ny sasany kosa milaza**

DH: "ny olona sasany dia niteny ... ary ny sasany niteny ... ary ireo hafa ..."

**Izaho no nanapa-doha an'i Jaona, koa iza indray izany olona izany**

Heroda nilaza fa tsy vitan'i Jaona ny mitsangana amin'ny maty. DH: "Tsy ho Jaona izany satria nanapaka ny lohany aho. Koa iza izany lehilahy izany"

**Izaho no nanapa-doha an'i Jaona**

DH: "Nanome baiko ireo miaramilako aho mba hanapaka ny lohan'i Jaona"

**Luke 9:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Na dia niverina tany amin'i Jesosy aza ireo mpianatra ka nandeha tany Betsaida mba hanana fotoana miaraka, dia nanaraka an'i Jesosy ny vahoaka mba ho sitranina sy hihaino ny fampianarany. Nampitombo ny mofo sy hazandrano Izy mba hanampiana azy ireo rehefa miverina mody.

**niverina**

"tonga tany amin'izay nisy an'i Jesosy"

**ny zavatra rehetra vitan'izy ireo**

Ity dia maneho ny fampianarana sy fanasitranana izay nataon'izy ireo rehefa nankany amin'ireo tanàna hafa.

**Betsaisa**

Ity dia anaran-tanàna iray.

**Luke 9:12****rehefa ho ariva ny andro**

efa nanakaiky ho ariva

**raha tsy hoe mandeha izahay ary mividy sakafo**

Raha sarotra ny mahazo ny hoe "raha tsy hoe" amin'ny fitenin'ao, dia afaka ataonao fehezanteny vaovao izany. DH: "Mba hampisakafoana azy rehetra, dia mila mandeha mividy sakafo izahay"

**teo amin'ny lehilahy dimy arivo teo**

"teo amin'ny lehilahy 5.000 teo" Ireo zaza amam-behivavy izay nanatrika teo dia tsy ao anatin'io isa io.

**apetraho izy ireo**

"teneno izy ireo mba hipetraka"

**dimampolo isan'isany**

"50 avy"

**Luke 9:15****Koa dia nanao izany izy ireo**

Ny hoe "izany" dia maneho izay nampanaovinn'i Jesosy azy ireo tao amin'ny 9:10. Niteny ny olona izy ireo mba hipetraka anaty vondrona 50 olona avy.

**nandray ireo mofo dimy**

"Jesosy nandray ireo mofo dimy"

**niandrandra ny lanitra**

Ity dia maneho ny fijerena ambony, any amin'ny lanitra.

**nisaotra ireo**

Ity dia maneho ireo mofo sy hazandrano.

**mba ho tolora**

"mba homena"

**afa-po**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe nihinana sakafo sahaza ka tsy noana izy ireo. DH: "nahazo betsaka araka izay neritreretin'izy ireo hohanina izy ireo"

**nangonina ireo sisa tsy lany**

DH: "nangoronin'ireo mpianatra izay sisa tavela"

**Luke 9:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mivavaka Jesosy, irery miaraka amin'ireo mpianany, ary manomboka miresaka izy ireo hoe iza Jesosy. Nolazain'i Jesosy azy ireo ny fahafatesany sy ny fitsanganany izay hanaraka eo ary nampirisika azy ireo mba hanaraka Azy na inona na inona mitranga.

**Ary rehefa**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto hanamarihana ny fiantombohan'ny tranga vaovao.

**nivavaka manokana**

"nivavaka irery." Niaraka tamin'i Jesosy ireo mpianatra, fa nivavaka manokana sy mangina Izy.

**Jaona mpanao batisa**

DH: "Ny sasany milaza fa Jaona mpanao batisa linao"

**nitsangana tamin'ny maty ny iray tamin'ireo mpaminany fahiny**

Mety hanampy ny fanazavana ny hifandraisan'ity valin-teny ity amin'ny fanontanian'i Jesosy. DH: "fa linao dia iray amin'ireo mpaminany fahiny ary nitsangan-ko velona"

**nitsangana tamin'ny maty**

"niaina indray"

**Luke 9:20****Ary niteny tamin'izy ireo Izy**

"Avy eo Jesosy niteny tamin'ireo mpianany"

**tsy hilaza izany na amin'iza na iza**

"tsy tokony hilaza na amin'iza na iza." DH: "Aza milaza na amin'iza na iza"

**Ny Zanak'Olonà dia tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro**

"Ny olona dia hampijaly mafy ny Zanak'Olonà"

**ho lavin'ireo loholona sy lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna**

DH: "ireo loholona, lohan'ny mpisorona, ary mpanora-dalàna dia handà Azy"

**ho vonoina Izy**

DH: "izy ireo dia hamono Azy"

**amin'ny andro fahatelo**

"telo andro aorian'ny hafatesany" na "amin'ny andro fahatelo aorian'ny hafatesany"

**hatsangana**

"ho velomina indray." DH: "Andriamanitra dia hamelona Azy indray"

**Luke 9:23****hoy Izy**

"hoy Jesosy"

**tamin'izy rehetra**

Ity dia maneho ireo mpianatra izay niaraka tamin'i Jesosy.

**hanaraka Ahy**

Ny mandeha manaraka an'i Jesosy dia maneho fa iray amin'ireo mpianany. DH: "meteza ho mpianatro" na "manaova isan'ny mpianatro"

**tsy maintsy mandà ny tenany**

"tsy maintsy mahafoy ireo fanirian'ny tenany manokana"

**mitondra ny hazofijaliany isan'andro ary manaraka Ahy**

Ny hazofijaliana dia maneho ny fijaliana sy fahafatesana. Ny fitondrana ny hazofijaliana dia maneho ny fahavononana hijaly sy ho faty. DH: "tsy maintsy mankatoa Ahy isan'andro na ho tonga hatrany amin'ny fijaliana sy fahafatesana aza"

**ary manaraka Ahy**

Ny fanarahana an'i Jesosy eto dia maneho ny fankatoavana Azy. DH: "ary mankatoa Ahy"

**manaraka Ahy**

"mandeha miaraka amiko" na "manomboka manaraka Ahy sy manaraka Ahy foana"

**Inona no tsara azon'ny olona ... mamotika ny ainy?**

Ny valin-teny takiana amin'ity fanontanianana ity dia ny hoe tsy tsara izany. DH: "Tsy hanome tombontsoa olona mihintsy ny fananana izao tontolo izao, kanefa manary ny ainy"

**fananana izao tontolo izao**

"fahazoana ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao"

**manary na mamotika ny ainy**

"Mandrava ny tenany"

**Luke 9:26****ireo teniko**

"izay lazaiko" na "izay hampianariko"

**ho menatra azy koa ny Zanak'Olonà**

DH: "ny Zanak'Olonà ihany koa ho menatra azy"

**ny Ray**

Ity dia fiantsoana lehibe an'Andriamanitra

**Fa lazaiko marina aminareo**

Jesosy nampiasa ity mba hanamafisana ny lanjan'izay ho lazainy manaraka.

**ny sasany amin'ireo izay mitsangana eto dia tsy hahita fahafatesana**

"ny sasany aminareo izay mitsangana eto dia tsy hahita fahafatesana"

**tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny fanjakan'Andriamanitra**

DH: "dia hahita ny fanjakan'Andriamanitra mialohan'ny hafatesan'izy ireo" na "hahita ny fanjakan'Andriamanitra mialohan'ny hafatesanareo"

**hahita fahafatesana**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "maty"

**Luke 9:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Valo andro taorian'ny nitenenan'i Jesosy ireo mpianany fa ny sasany dia tsy ho faty mialohan'ny hahitan'izy ireo ny fanjakan' Andriamanitra, dia niakatra tany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka miraka amin'i Petera, Jakoba, ary Jaona izay resi-tory avokoa raha niova endrika manjopika Jesosy.

**ireo teny ireo**

Ity dia maneho izay nolazain'i Jesosy tamin'ireo mpianany tao amin'ny andininy teo aloha.

**Luke 9:30****Indro**

Ny teny hoe "indro" eto dia manaitra antsika hifantoka amin'ny fampahalalana mahagaga manaraka.

**izay niseho tamim-boninahitra mampirapiratra**

Ity fehezanteny ity dia manome fampahafantarana momban'ny fomba fisehon'i Mosesy sy Elia. DH: "ary niseho tamim- boninahitra mampirapiratra izy ireo" sy "ary namirapiratra be izy ireo"

**ny fialàny**

"ny fandehanany" na "ny fomba handaozan'i Jesosy izao tontolo izao." Ity dia fomba mihaja hiresahana momban'ny hafatesany. DH: "ny fahafatesany"

**Luke 9:32****Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana ao amin'ny tantara lehibe. Eto Lioka dia mampahafantatra momban'i Petera, Jakoba, ary Jaona.

**navesatrin'ny torimaso**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "te-hatory be"

**nahita ny voninahiny**

Ity dia maneho ny hazavana mampirapiratra izay nanodidina azy ireo. DH: "nahita hazavana mampirapiratra avy amin'i Jesosy izy ireo" na "nahita hazavana tena mampirapiratra nivoaka avy ao amin'i Jesosy izy ireo"

**ireo lehilahy roa izay nitsangana niaraka taminy**

Ity dia maneho an'i Mosesy sy Elia.

**Ary rehefa niala nanalavitra an'i Jesosy izy ireo**

"Ary Mosesy sy Elia rehefa niala nanalavitra an'i Jesosy"

**fialofana**

"lay" na "trano bongo"

**Luke 9:34****Teo am-pitenenana izany izy**

"raha niteny ireo zavatra ireo Petera"

**natahotra izy ireo**

Ireo mpianatra efa lehibe ireo dia tsy natahotra rahona. Ity fehezanteny ity dia manondro fa nisy karazan-tahotra sasany tsy mahazatra tonga tamin'izy ireo niaraka tamin'ilay rahona. DH: "raiki-tahotra izy ireo"

**niditra tao amin'ilay rahona**

DH: "nanodidina azy ireo ny rahona"

**Nisy feo nivoaka avy tany amin'ilay rahona**

Mazava fa ilay feo dia tsy an'iza fa an' Andriamanitra. DH: "Andriamanitra niresaka tamin'izy ireo avy tao amin'ilay rahona"

**Zanaka Lahiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**Ilay iray izay voafidy**

DH: "Ilay iray nosafidiako" na "nosafidiako Izy"

**nitazona ny fahanginany izy ireo ary tsy niteny na tamin'iza na iza**

Ny fehezanteny voalohany dia maneho ny valin-teny avy hatranin'izy ireo, ary ilay faharoa dia maneho izay nataon'izy ireo nandritr'ireo andro manaraka.

**Luke 9:37****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny andro manaraka taorian'ny fisehoana manjopikan'i Jesosy, dia nanasitrana zaza lahy nisy demonia Izy izay tsy vitan'ireo mpianatra tsara ny manao azy.

**Indro, nisy lehilahy iray avy tao amin'ny vahoaka**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba iray hanaovana izany. Ireo



Anglisy dia manao hoe: "Nisy lehilahy iray tao amin'ny vahoaka niteny hoe"

#### **Hitanao, misy fanahy**

Ny hoe "hitanao" dia mampiditra antsika ho amin'ilay fanahy ratsy ao amin'ny tantaran'ilay lehilahy. Ny fiteninao dia mety manana fomba iray hanaovana izany. Ireo Anglisy dia manao hoe: "Ary nisy fanahy ratsy"

#### **mampamoaka roatra ny vavany**

"nisy roatra nivoaka avy tao am-bavany."

### **Luke 9:41**

#### **Namaly Jesosy ka nanao hoe**

"tamin'ny valin-teny Jesosy dia niteny hoe"

#### **Ianareo tsy mpino sy taranaka ratsy fitondran-tena**

Jesosy niteny ity tamin'ny vahoaka izay niangona teo, fa tsy tamin'ireo mpianany.

#### **taranaka ratsy fitondran-tena**

"taranaka ratsy"

#### **Hafiriana no tsy maintsy hitoerako miaraka aminareo sy hiaretako miaraka aminareo?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanehoana ny alahelony izay tsy ninoan'ireo olona. DH: "Nitoetra ela niaraka taminareo Aho, nefa mbola tsy mino Ahy ihany ianareo. Manontany tena Aho hoe hafiriana no tsy maintsy hitoeraka miaraka aminareo."

#### **Ento ety ny zanakao lahy**

Jesosy niteny mivantana tamin'ilay ray izay niresaka taminy.

### **Luke 9:43**

#### **talanjona avokoa izy rehetra nahita ny halehiben' Andriamanitra**

Jesosy nanao ilay fahagagana, fa ireo vahoaka dia nanaiky fa Andriamanitra no hery tao ambadik'ilay fanasitranana.

#### **ny zava-drehetra nataony**

"ny zavatra rehetra nataon'i Jesosy"

#### **Avelao ireo teny ireo ho tonga lalina ao an-tsofinareo**

Ity dia fomba fiteny izay midika hoe tokony hitandrina izy ireo. DH: "mihainoa tsara ary tadidio" na "aza adinoina izao"

#### **ny Zanak'Olona dia ho vadihana ho eo an-tanan'olona**

Eto ny "tanana" dia maneho ny hery na fitondrana. DH: "hamadika ny Zanak'Olona izy ireo ary hametraka Azy eo amin'ny fitondran'ny olona."

#### **eo an-tanan'ny olona**

Jesosy dia tsy miteny ireo olona ireo eto, ka mety hanampy ny filazana izany. DH: "eo amin'ireo fahavaloko"

#### **Izany dia nafenina tamin'izy ireo**

DH: "Andriamanitra nanafina tamin'izy ireo ny dikany"

### **Luke 9:46**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nisy fifamaliana nanomboka teo amin'ireo mpianatra izay mifantoka manodidina my hery.

#### **teo amin'izy ireo**

"teo amin'ireo mpianatra"

#### **fihevitra tao am-pon'izy ireo**

Ny "fo" dia maneho ny eritreritra sy faniriana lalin'ny olona. DH: "fandinihana ny eritreritra manokan'izy ireo"

#### **mandray Ahy**

DH: "dia toy ny hoe mandray Ahy izy"

#### **ilay iray izay naniraka Ahy**

"Andriamanitra, izay naniraka Ahy"

#### **no lehibe**

"no raisain'Andriamanitra ho manan-danja indrindra"

### **Luke 9:49**

#### **Jaona namaly hoe**

"Jaona namaly an'i Jesosy." Jaona namaly izay nolazain'i Jesosy momban'ilay hoe ho lehibe . Tsy namaly ilay fanontaniana izy.

#### **nahita izahay**

Tsy ao anatin'izany Jesosy, fa ireo mpianatra ihany.

#### **tamin'ny anaranao**

Ity dia midika fa ilay olona dia niresaka tamin'ny hery sy fahefan'i Jesosy.

#### **Aza raràna izy**

DH: "avelao izy hanohy."

#### **izay tsy manohitra anareo dia momba anareo**

DH: "raha tsy misakana anao ny olona iray, dia toy ny hoe manampy anao izy" na "raha tsy miasa manohitra anao ny olona iray, dia miasa ho amin'ny sitrakao izy izany"

### **Luke 9:51**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Mazava ary fa Jesosy dia nanapa-kevitra ny handeha ho any Jerosalema.

#### **rehefa nanakaiky ny andro ampiakarana Azy**

"rehefa tonga ny fotoana hiakarany" na "rehefa nanakaiky ny fotoana hiakarany"

**niatrika**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "nanapa-kevitra mafy."

**mba hanomana ny zavatra rehetra ho Azy**

Ity dia midika hoe manao fifanarahana ho an'ny fahatongavany any, mety ao anatin'izany ny toerana hiresahana, ny toerana hipetrahana, sy ny sakafao.

**tsy nandray Azy**

"tsy nila Azy hijanona"

**satria nitodika ho any Jerosalema Izy**

Ireo Samaritana sy Jiosy dia nifankahala. Noho izany ireo Samaritana dia tsy hanampy an'i Jesosy amin'ny diany ho any Jerosalema, renivohitry ny Jiosy.

**Luke 9:54****nahita izany**

"nahita fa tsy nandray an'i Jesosy ireo Samaritana"

**handefa afo milatsaka avy any an-danitra mba hamotika azy ireo**

Jakoba sy Jaona nanome ity soso-kevitra fomba fitsarana ity satria fantatr'izy ireo fa izany no ho fitsaran'ny mpaminany tahaka an'i Elia ireo olona izay mandà an'Andriamanitra.

**nitodika Izy ary niteny mafy tamin'izy ireo**

"Jesosy nitodika ary niteny mafy an'i Jakoba sy Jaona." Jesosy dia tsy nanameloka ireo Samaritana, araka ny nantenain'ireo mpianatra.

**Luke 9:57****olona iray**

Tsy iray amin'ireo mpianatra ity.

**Ny amboahaolo manan-davaka ... tsy manana toerana asiana ny lohany**

Jesosy dia mamaly amin'ny ohabolana mba hampianarana ny lehilahy izay ho mpianany. Jesosy dia milaza fa raha hanaraka Azy ny lehilahy iray, dia mety tsy hanana trano io lehilahy io. DH: "Ny amboahaolo manan-davaka ... tsy manana toerana asiana ny lohany. Noho izany aza manantena hanana trano"

**vorona eny an-danitra**

"vorona manidina eny amin'ny habakabaka"

**Tsy manana toerana asiana ny lohany**

"tsy manana toerana hampakan'aina ny lohany" na "tsy manana toerana hatoriana." Jesosy dia manitatra mba hatongavana any amin'ny hoe tsy voaray hipetraka na aiza na aiza Izy.

**Luke 9:59****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eny an-dalana Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo olona.

**Manaraha Ahy**

Ity dia milaza hoe ho mpianatr'i Jesosy ary manaraka Azy.

**avelao aho aloha handeha handevina ny raiko**

Tsy mazava tsara raha efa maty ny rain'ilay lehilahy dia handeha handevina azy avy hatrany izy, na hoe te-hijanona fotoana lavalava izy mandra-pahafatin'ilay rainy dia ho afaka mandevina azy izy avy eo. Ny hevi-dehibe dia ny hoe te-hanao zavatra hafa aloha ilay lehilahy mialohan'ny hanarahany an'i Jesosy.

**Avelao ny maty handevina ny maty ao aminy**

Jesosy dia tsy milaza ara-bakiteny hoe ny olona maty dia handevina olona maty hafa. Ireo dika azo atao amin'ny hoe "ny maty" : 1) izany dia sariteny ho an'ireo izay ho faty afaka fotoana hohy, na 2) izany dia sariteny ho an'ireo izay tsy manaraka an'i Jesosy ary maty ara-panahy. Ny hevi-dehibe dia ny hoe ny mpianatra iray dia tsy tokony hamela na inona na inona manatara azy amin'ny fanarahana an'i Jesosy.

**ny maty**

"ny olona maty"

**Luke 9:61****Hanaraka Anao aho**

"hiaraka Aminao toy ny mpianatra aho" na "vonona hanaraka Anao aho"

**avelao aho aloha hanao veloma ireo any an-tranoko**

"mialohan'ny hanaovako izany, avelao aho aloha hanao veloma" na "avelao aho aloha hiteny an'izy ireo hoe andeha"

**ireo any an-tranoko**

"ny tokantranoko" na "ny olona ao an-tranoko"

**Tsy misy ... mendrika ny fanjakan'Andriamanitra**

Jesosy mamaly amin'ny ohabolana mba hampianarana ilay lehilahy momban'ny atao hoe mpianany.

**olona mitàna angady**

Ny hoe "mitàna" dia fomba fiteny midika hoe manomboka manao zavatra ny olona iray.

**miherika**

Ny olona mijery mankany aoriana eo am-piasana dia tsy afaka hitarika ny angady eny amin'izay tokony hisy izany. Izy ireo dia tsy maintsy mifantoka tsara eo aloha mba hangadiana tsara.

## Chapter 10

<sup>1</sup> Ary taorian'ireny zavatra ireny, dia nifidy fitopolo lahy <sup>[1]</sup> hafa ny Tompo, ary nandefa azy ireny tsiroaroa nialoha Azy tany amin'ny tanàna rehetra sy toerana izay efa halehany. <sup>2</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Be ny vokatra, fa vitsy ny mpiasa. Noho izany hangataho ny Tompon'ny vokatra mba handefa mpiasa mba ho eny amin'ny vokatra. <sup>3</sup> Mandehana amin'ny lalanareo. Jereo, alefako tahaka ny zanak'ondry eo afovoan'ny ambodia ianareo. <sup>4</sup> Aza mitondra fitoeram-bola, na fitoeran'entana, na kapa, ary aza miarahaba na iza na iza eny an-dalana. <sup>5</sup> Izay trano hidiranareo, lazao aloha hoe: 'Fiadanana anie ho amin'ity trano ity!' <sup>6</sup> Raha misy olon'ny fiadanana ao, dia hitoetra aminy ny fiadanana izay lazainareo, fa raha tsy misy kosa, dia hiverina aminareo izany. <sup>7</sup> Mitoera ao amin'io trano io ihany, mihinana sy misotro izay omen'izy ireo, fa ny mpiasa dia mendrika ny karamany. Aza mifindrafindra trano. <sup>8</sup> Fa amin'izay tanàna idiranareo, ka mandray anareo, hano izay aroso eo anoloanareo, <sup>9</sup> ary sitrano ny marary izay ao. Lazao izy ireo hoe: 'Efa manakaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra.' <sup>10</sup> Na oviana na oviana ianareo no miditra tanàna ka tsy mandray anareo izy ireo, dia mivoaha eny an-dalana ary lazao hoe: <sup>11</sup> 'Fa na dia ny vovoky ny tanànanareo izay miraikitra amin'ny tongotray aza dia ho fafanay hanohitra anareo! Fantaro anefa izao: Efa manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra.' <sup>12</sup> Lazaiko aminareo fa amin'ny andron'ny fitsarana dia ho azo leferina kokoa ny an'i Sodoma noho ny an'izany tanàna izany. <sup>13</sup> Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida! Fa raha ny asa lehibe izay natao tao aminao no natao tany Tyro sy Sidona, dia efa ela izy ireo no nibekaka, nipetraka tamin'ny lamba fisaonana sy lavenona. <sup>14</sup> Fa ho azo leferina kokoa ny an'i Tyro sy Sidona amin'ny fitsarana noho ny aminareo. <sup>15</sup> Ianao, ry Kapernaomy, mieritreritra ve ianao fa ho hasandratra any an-danitra? Tsia, ho entina midina any amin'ny Hadesy ianao. <sup>16</sup> Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy, ary izay mandà anareo dia mandà Ahy, ary izay mandà Ahy dia mandà ilay naniraka Ahy." <sup>17</sup> Niverina am-pifaliana ireo fito-polo, ka nilaza hoe: "Tampo, na dia ny demonia aza dia nanaiky anay tamin'ny anaranao." <sup>18</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Nijery an'i Satana nilatsaka avy any an-danitra toy ny tselatra Aho." <sup>19</sup> Jereo, fa efa nomeko anareo ny fahefana hanitsaka ny menarana, ny maingoka, ary ambonin'ny hery rehetran'ny fahavalo, ary na inona na inona dia tsy hisy handratra anareo amin'ny fomba rehetra. <sup>20</sup> Na dia izany aza dia aza mifaly fotsiny amin'izany, hoa nanaiky anareo ny fanahy, fa mifalia kokoa hoe voasoratra any an-danitra ny anaranareo." <sup>21</sup> Tamin'io fotoana io ihany dia nifaly tokoa tao amin'ny Fanahy Masina izy, ary niteny hoe: "Midera Anao Aho, ry Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao ireny zavatra ireny tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina, ary nambara tamin'ireo tsy manam-pahalalana, toy ny zaza madinika. Eny, Raiko, fa izany no ankasitrahana tsara eo imasonao." <sup>22</sup> Ny zava-drehetra dia nankin'ny Ray tamiko, ary tsy misy mahalala hoe iza ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary tsy misy mahalala hoe iza ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay nosafidian'ny Zanaka haseho Azy." <sup>23</sup> Avy eo dia niodina teo amin'ireo mpianatra Izy ka nilaza mangingina hoe: "Sambatra izay mahita ireo zavatra izay hitanareo. <sup>24</sup> Lazaiko aminareo, mpaminany sy mpanjaka maro no naniry ahita izay zavatra hitanareo, fa tsy hitan'izy ireo izany, ary aheny ireo zavatra renareo, fa tsy ren'izy ireo izany." <sup>25</sup> Indro, nisy mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy iray nitsangana mba hitsapa Azy, ka nilaza hoe: "Mpampianatra o, inona no tsy maintsy hataoko mba handova ny fiainana mandrakizay?" <sup>26</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Ahoana no famakiana izany?" <sup>27</sup> Nanome valinteny izy dia niteny hoe: "Tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra, amin'ny fanahinao rehetra, amin'ny herinao rehetra, ary amin'ny fisainanao rehetra, ary ny namanao tahaka ny tenanao." <sup>28</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Marina ny navalinao. Ataovy izany, dia ho velona ianao." <sup>29</sup> Fa ilay mpampianatra, naniry hanamarina ny tenany, dia niteny tamin'i Jesosy hoe: "Iza no namako?" <sup>30</sup> Namaly azy Jesosy ka niteny hoe: "Nisy lehilahy iray nidina avy any Jerosalema ho any Jeriko. Izy dia azon'ireo mpandroba, izay nanendaka ireo fananana rehetra teny aminy, sy nikapoka azy, ary namela azy efa ho faty. <sup>31</sup> Ary sendra nisy mpisorona nandalo tamin'izany lalana izany, ary nony nahita azy izy, dia nandeha teny am-pita. <sup>32</sup> Toy izany koa ny Levita anankiray, rehefa nandalo tamin'ilay toerana ka nahita azy, dia nandeha teny am-pita. <sup>33</sup> Fa nisy Samaritana anankiray, rehefa nandeha tamin'ny nalehany izy, dia tonga teo amin'ny nisy azy. Rehefa nahita azy izy, dia nitsetra azy. <sup>34</sup> Dia nanatona azy izy ka namehy ny ratrany, ary nandraraka menaka sy divay tamin'izany. Nampitaingenany ny bibiny izy, ka nentiny tany amin'ny tranom-bahiny, ary nokarakarainy. <sup>35</sup> Ny ampitso dia naka denaria roa izy, ary nanolotra izany tamin'ny mpampiantrano, ary nanao hoe: 'Karakara izy, ary na ohatrinona na ohatrinona laninao mihoatra, rehefa miverina aho, dia ho efaiko.' <sup>36</sup> Iza amin'izy telo ireo, araka ny eritreritrao, no naman'ilay azon'ny mpandroba?" <sup>37</sup> Namaly ilay mpampianatra hoe: "Ilay iray izay naneho fiantrana azy." Jesosy niteny taminy hoe: "Mandehana ary manaova toy izany koa." <sup>38</sup> Ary raha niara-nandeha izy ireo, dia niditra tao amin'ny tanàna iray Izy, ary nisy vehivavy iray antsoina hoe Marta nampandroso Azy tao an-tranony. <sup>39</sup> Nanana rahavavy atao hoe

Maria izy, izay nipetraka teo an-tongotry ny Tompo ary nandre ny teniny. <sup>40</sup> Fa Marta sahirana be tamin'ny fikarakarana ny sakafo ho aroso. Nankeo amin'i Jesosy izy, dia nanao hoe: "Tompo, tsy mampaninona Anao ve ny namelan'ny rahavaviko ahy hanompo irery? Koa teneno izy mba hanampy ahy." <sup>41</sup> Fa namaly ny Tompo ka nanao taminy hoe: "Marta, Marta, manahy amin'ny zavatra maro be ianao, <sup>42</sup> kanefa zavatra iray ihany no tena ilaina. Maria dia efa nifidy izay tsara indrindra, izay tsy ho esorina aminy."

## Footnotes

10:1 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Maro amin'ireo fandikana taloha tsara indrindra no mivaky hoe: "Fitopolo", Fa ny sasany mivaky hoe: "roa ambi-fitopolo."

## Luke 10:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy maniraka olona 70 fanampiny hialoha Azy. Ireo 70 ireo dia miverina amim-pifaliana, ary Jesosy mamaly amin'ny dera ho an'ny Rainy any andanitra.

### Ary

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana hetsika vaovao ao amin'ny tantara.

### nandefa azy ireny tsiroaroa

"naniraka azy ireo vondrona tsiroaroa" na "naniraka azy ireo ho olona roa isakin'ny vondrona"

### Hoy Izy tamin'izy ireo hoe

DH: "Izao no nolazainy azy ireo" na "Milaohan'ny nandehanan'izy ireo dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe"

### Be ny vokatra, fa vitsy ny mpiasa

"Misy vokatra be, fa tsy ampy ny mpiasa hitondra izany." Ny tian'i Jesosy lazaina dia hoe betsaka ny olona vonona hiditra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra, fa tsy ampy ny mpianatra mandeha mampianatra sy manampy ny olona.

## Luke 10:3

### Mandehana amin'ny lalanareo

"Mandehana any amin'ireo tanàna" na "Mandehana any amin'ireo olona"

### alefako tahaka ny zanak'ondry eo afovoan'ny ambodia ianareo

Ny ambodia dia manafika sy mamono ny ondry. Ity dia sariteny midika hoe misy olona manana fikasana handratra ireo mpianatra izay irahan'i Jesosy. DH: "Rehefa hirahiko ianareo, dia hisy olona te-handratra anareo toy ny hanafihan'ny ambodia ireo ondry"

### aza miarahaba na iza na iza eny an-dalana

Jesosy nanamafy fa mandeha mafy izy ireo mankany amin'ny tanàna ary manao ity asa ity. Jesosy tsy niteny azy ireo tsy halala fomba.

## Luke 10:5

### Fiadanana anie ho amin'ity trano ity

Ity dia sady arahaba no tso-drano. Eto ny "trano" dia maneho ireo izay mipetraka amin'ilay trano. DH: "Hahazo ny fiadanana anie ny olona ato amin'ity tokantrano ity"

### olon'ny fiadanana

"olona manana fiadanana." Ity dia olona izay mila fiadanana amin'Andriamanitra sy amin'ny olona.

### hitoetra aminy ny fiadanana izay lazainareo

Ny "fiadanana" eto dia voalaza toy zava-miaina izay afaka misafidy izay hipetrahany.

### raha tsy misy kosa

Mety hanampy ny famerenana ilay fehezanteny manontolo. DH: "raha tsy misy olon'ny fiadanana ao" na "raha tsy olon'ny fiadanana ilay topon-trano"

### hiverina aminareo izany

Ny "fiadanana" dia voalaza toy ny zava-miaina izay afaka misafidy izay hipetrany. DH: "hahazo izany fiadanana izany ianareo"

### Mitoera ao amin'io trano io

Jesosy tsy niteny hoe tokony hijanonana ao mandritry ny tontolo andro izy ireo, fa hoe tokony hatory ao amin'ny trano iray ihany izy ireo isan-kalina rehefa any. DH: "Tohizo foana ny fatoriana ao amin'izany trano izany"

### fa ny mpiasa dia mendrika ny karamany

Ity dia fitsipika fototra izay ampiharin'i Jesosy amin'ireo lehilahy izay nirahiny. Satria izy ireo hampianatra sy hanasitrana ny olona, dia tokony hanome toerana sy sakafo azy ireo ny olona.

### Aza mifindrafindra trano

Ny mifindrafindra trano dia midika hoe mankany amin'ny trano samihafa. Afaka atao mazava tsara fa ny tiany lazaina dia ny momban'ny fjanonana amin'ny alina any amin'ny trano samihafa. "Aza mandeha matory any amin'ny trano samihafa isan-kalina"

**Luke 10:8**

**hano izay aroso eo anoloanareo**

DH: "hano avokoa na inona na inona sakafo homen'izy ireo anareo"

**ny marary**

"ny olona marary"

**Efa manakaiky anareo ny fanjakan' Andriamanitra**

Ireo dika azo atao: 1) efa hanomboka tsy ho ela ny fanjakan'Andriamanitra. DH: "Tsy ho ela Andriamanitra dia efa hanapaka toy ny mpanjaka na aiza na aiza" na 2) ireo asan'ny fanjakan' Andriamanitra dia efa mitranga manodidina anareo avokoa. DH: "Efa manodidina anareo avokoa ny porofo fa manjaka Andriamanitra"

**Luke 10:10**

**tsy mandray anareo izy ireo**

"raha mandà anareo ny olona ao amin'io tanàna io"

**Fa na dia ny vovoky ny tanànanareo izay miraikitra amin'ny tongotray aza dia ho fafanay hanohitra anareo!** Ity dia fihetsika hampisehoana fa mandà ny olona ao amin'io tanàna io izy ireo. DH: "Toy ny andavanareo anay, no handavanay tsara anareo koa. Na ny vovoky ny tanànanareo izay miraikitra amin'ny tongotray aza dia lavinay"

**Fantaro anefa izao: Efa manakaiky ny fanjakan' Andriamanitra**

Ny fehezanteny hoe "Fa fantaro izao" dia mampiditra fampitandremana. Izany dia midika hoe "Na dia lavinareo aza izahay, dia tsy hampiova ny zava-misy hoe efa manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra izany!"

**Efa manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra**

DH: "Tsy hoe ela Andriamanitra dia efa hanapaka toy ny mpanjaka na aiza na aiza" na "Efa manodidina anareo avokoa ny porofo fa manjaka Andriamanitra"

**Lazaiko aminareo**

Jesosy nilaza ity tamin'ireo olona 70 izay nirahiny. Nilaza ity Izy mba hampisehoana fa hiteny zavatra tena manan-danja Izy.

**andron'ny fitsarana**

Ireo mpianatra dia afaka nahazo fa ity dia maneho ny fotoanan'ny fitsarana farany an'ireo mpanota.

**ho azo leferina kokoa ny an'i Sodoma noho ny an'izany tanàna izany**

"Andriamanitra dia tsy hitsara mafy an'i sodoma tahaka ny hitsarany izany tanàna izany." DH: "Andriamanitra dia hitsara mafy kokoa izany tanàna izany noho ny hitsarany ny olon'i Sodoma"

**Luke 10:13**

**Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida!**

Jesosy niteny toy ny hoe nihaino Azy teo ny olona tao amin'ny tanànan'i Korazina sy Betsaida, nefa tsy teo izy ireo.

**Fa raha ny asa lehibe izay natao tao aminao no natao tany Tyro sy Sidona**

Jesosy dia mamaritra zava-misy izay afaka nitranga taloha kanefa tsy nitranga. DH: "Raha nisy nanao ireo fahagagana tamin'ny olon'i Tyro sy Sidona toy izay nataoko taminareo"

**efa ela izy ireo no nibebaka**

"dia ho nampiseho ireo olona ratsy fanahy izay nipetraka tany fa diso tamin'ireo fahotan'izy ireo"

**nipetraka tamin'ny lamba fisaonana sy lavenona**

"nitafoy lamba fisaonana sy nipetraka tamin'ny lavenona"

**Fa ho azo leferina kokoa ny an'i Tyro sy Sidona amin'ny fitsarana noho ny aminareo**

Mety hanampy ny fametrahana mazava tsara ny anton'ny fitsarana azy ireo. DH: "Fa satria tsy nibebaka sy nino Ahy ianareo na dia nahita Ahy nanao fahagagana aza, dia hitsara anareo mafy kokoa Andriamanitra noho ireo olona ao Tyro sy Sidona"

**amin'ny fitsarana**

"amin'izany andro farany izany rehefa mitsara ny rehetra Andriamanitra"

**Ianao, ry Kapernaomy**

Jesosy izao dia miresaka ireo olona ao amin'ny tanànan'i Kapernaomy toy ny hoe mihaino Azy izy ireo, nefa tsy nihaino.

**mieritreritra ve ianareo fa ho hasandratra any an-danitra?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ny olon'i Kapernaomy nohon'ny avonavon' izy ireo. DH: "tsy hiakatra any an-danitra mihintsy ianareo!" na "tsy hanome voninahitra anareo Andriamanitra!"

**ho entina midina any amin'ny Hadesy ianao**

DH: "hidina any Hadesy ianao" na "Ho alefan' Andriamanitra any amin'ny Hadesy ianao"

**Luke 10:16**

**Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy**

Ny fampitahana dia afaka lazaina toy ny fanoharana. DH: "Rehefa mihaino anareo ny olona, dia toy ny hoe mihaino Ahy izy ireo"

**izay mandà anareo dia mandà Ahy**

Ny fampitahana dia afaka lazaina mazava toy ny fanoharana. DH: "rehefa mandà anareo ny olona, dia toy ny hoe mandà Ahy izy ireo."

**izay mandà Ahy dia mandà ilay naniraka Ahy**

Ny fampitahana dia afaka lazaina mazava toy ny fanoharana. DH: "rehefa mandà Ahy ny olona, dia toy ny hoe mandà ilay naniraka Ahy izy ireo."

**ilay naniraka Ahy**

Ity dia maneho an'Andriamanitra Ray izay nanondro an'i Jesosy ho amin'io asa miavaka io. DH: "Andriamanitra, izay naniraka Ahy"

**Luke 10:17****fitopolo**

Ianao dia mety mila manampy fanamarihana: "Ny dikan-teny sasany dia manao hoe '72' raha tokony ho '70'"

**tamin'ny anaranao**

Eto ny "anarana" dia maneho ny hery sy fahefan'i Jesosy.

**fahefana hanitsaka ny menarana, ny maingoka**

"fahefana handeha eo amin'ny menarana sy hamotika maingoka." Ireo dika azo atao: 1) Ity dia maneho ny tena menarana sy maingoka na 2) ny menarana sy maingoka dia sariteny ho an'ny fanahy ratsy.

**hanitsaka menarana sy maingoka**

Ny tiana ambara dia hoe hanao izay izy ireo ary tsy haratra. DH: "mandehana eo amin'ny menarana sy maingoka dia tsy handratra anao izy ireo"

**ambonin'ny hery rehetran'ny fahavalo**

"Nomeko fahefana hamotika ny herin'ny fahavalo ianareo" na "Nomeko fahefana handresy ny fahavalo ianareo." Satana ilay fahavalo.

**aza mifaly fotsiny amin'izany, hoe nanaiky anareo ny fanahy**

"aza mifaly fotsiny nohon'ny naneken'ny fanahy anareo." DH: "Mifalia kokoa hoe voasoratra any an-danitra ny anaranareo noho ny mifaly fa nanaiky anareo ny fanahy!"

**voasoratra any an-danitra ny anaranareo**

DH: "Nosoratan'Andriamanitra any an-danitra ny anaranareo" na "ny anaranareo dia ao amin'ny lisitry ny olona izay mponin'ny lanitra"

**Luke 10:21****Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra

**Tompon'ny lanitra sy ny tany**

Ny "lanitra" sy ny "tany" dia maneho ny zavatra rehetra izay misy. DH: "Tompon'ny olona rehetra sy ny zavatra rehetra any an-danitra sy eto an-tany"

**ireny zavatra ireny**

Ity dia maneho ny fampianaran'i Jesosy teo aloha momban'ny fahefan'ireo mpianatra. Mety tsara

kokoa ny miteny fotsiny hoe "ireny zavatra ireny" dia avela hamantatra ny tiana hambara ireo mpihaino.

**hendry sy manan-tsaina**

"tamin'ny olona izay hendry sy manan-tsaina." Satria Andriamanitra namafa ny marina tamin'izy ireo, dia tsy hendry sy manan-tsaina ireo olona ireo, na dia mieritreritra aza izy ireo fa izany. DH: "tamin'ireo olona izay mihevitra ny tenany ho hendry sy manan-tsaina ary nianatra."

**ireo tsy manam-pahalalana**

Ity dia maneho ireo izay mety tsy nianatra betsaka, fa vonona hanaiky ny fampianaran'i Jesosy. DH: "olona izay mety kely fahalalana, fa mihaino an'Andriamanitra"

**toy ny zaza madinika**

Ny olona izay mahafantatra fa tsy hendry sy manam-pahalalana izy ireo dia vonona ny hampianarina, vonona tahaka ireo zaza madinika.

**fa izany no ankasitrahana tsara eo imason' Andriamanitra**

"fa sitrakao ny hanaovana izany"

**Luke 10:22****Ny zavatra rehetra dia nankinin'ny Ray tamiko**

DH: "Ny Raiko dia nanolotra Ahy ny zavatra rehetra"

**Ray ... Zanaka**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**mahalala hoe iza ny Zanaka**

Ny teny izay adika hoe "mahalala" dia midika hoe mahafantatra tamin'ny zavatra niainana manokana. Andriamanitra Ray dia mahafantatra an'i Jesosy amin'izany fomba izany.

**afa-tsy ny Ray**

Ity dia midika hoe ny Ray ihany no mahalala hoe iza ny Zanaka

**mahalala hoe iza ny Ray**

Ny teny izay adika hoe "mahalala" dia midika hoe mahafantatra tamin'ny zavatra niainana. Jesosy dia mahafantatra an'Andriamanitra Rainy amin'izany fomba izany.

**afa-tsy ny Zanaka**

Ity dia midika hoe ny Zanaka ihany no mahalala hoe iza ny Ray.

**izay nosafidian'ny Zanaka haseho Azy**

"na iza na iza irian'ny Zanaka hampisehoana ny Ray"

**Luke 10:23**

**Avy eo dia niodina teo amin'ireo mpianatra Izy ka nilaza mangingina hoe**

Ny teny hoe "mangingina" dia manondro fa irery niaraka tamin'ireo mpianany Izy. DH: "Taty aoriana, rehefa irery niaraka tamin'ireo mpianany Izy, dia niodina teo amin'izy ireo ka nilaza hoe"

**Sambatra izay mahita ireo zavatra izay hitanareo**

Ity dia mety maneho ireo asa tsara sy fahagagana izay nataon'i Jesosy.

**fa tsy hitan'izy ireo izany**

Ity dia milaza fa Jesosy dia tsy mbola nanao ireo zavatra ireo. DH: "fa tsy afaka nahita ireo satria tsy mbola nataoko izany"

**ireo zavatra izay renareo**

Ity dia mety maneho ny fampianaran'i Jesosy. DH: "ireo zavatra izay renareo fa nolazaiko"

**fa tsy ren'izy ireo izany**

Ity dia milaza tsy mbola nampianatra Jesosy. DH: "fa tsy afaka nandre ireo satria tsy mbola nanomboka nampianatra Aho"

**Luke 10:25**

**Indro, nisy mpampianatra**

Ity dia manaitra antsika ho amin'ny hetsika vaovao sy mpandraya anjara vaovao ao amin'ny tantara.

**hitsapa Azy**

"hanao fanamby an'i Jesosy"

**Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Ahoana no famakianao izany?**

Jesosy dia tsy mitady fanazavana. Mampiasa ity fanontaniana ity Izy mba hitsapana ny fahalalan'ily mpampianatra Jiosy. DH: "Lazao Ahy izay nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna"

**Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna?**

DH: "Inona no voasoratr'i Mosesy ao amin'ny lalàna?"

**Ahoana no famakianao izany?**

"Inona no voavakinao tao amin'izany?" na "Ahoana no fahazoanao izay lazain'izany?"

**Tiavo ... ary ny namanao tahaka ny tenanao**

Ilay lehilahy dia nilaza izay voasoratr'i Mosesy ao amin'ny lalàna

**amin'ny fonao ... amin'ny fanahinao ... amin'ny herinao ... amin'ny fisainanao**

Ireo rehetra ireo dia midika fa ny olona dia tsy maintsy mitia tanteraka an'Andriamanitra miaraka amin'ny maha izy azy rehetra.

**ny namanao tahaka ny tenanao**

Ity fanoharana ity dia afaka atao mazava tsara. DH: "Tiavo be tahaka ny hitiavanao ny tenanao ny namanao"

**ny namanao**

Ity dia maneho ny mpiara-monin'ny olona iray. DH: "ny olona eo amin'ny fiaraha-moninao"

**Luke 10:29**

**Fa ilay mpampianatra, naniry hanamarina ny tenany, niteny tamin'i Jesosy hoe**

"Fa ilay mpampianatra dia te-hahita fomba iray hanamarinana ny tenany, ka hoy izy hoe"

**Namaly azy Jesosy ka niteny hoe**

Jesosy namaly ilay lehilahy tamin'ny fitenenana fanoharana. DH: "ho valin-teny, dia nilaza izao tantara izao ho azy Jesosy"

**Iza no namako?**

Mety hanampy ny fanampiana fanazavana. DH: "Ary iza no tokony raisiko ho namako sy ho tiaviko toy ny hitiavako ny tenako?" na "Iza amin'ireo olona ireo no namako izay tokony ho tiaviko?"

**Nisy lehilahy iray**

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ily fanoharana.

**Izy dia azon'ireo mpandroba**

"voadidin'ireo mpandroba izy" na "Nisy mpandroba sasany nanafika azy"

**nanaendaka ireo fananany teny aminy**

"naka ny zavatra rehetra nananany" na "nangalatra ny zavatra rehetra teny aminy"

**efa ho faty**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "efa akaiky ho faty."

**Luke 10:31**

**Ary sendra**

Ity dia zavatra izay tsy nomanin'iza na iza.

**nisy mpisorona**

Ity fomba fiteny ity dia mampiditra olona vaovao ao amin'ny tantara, fa tsy mampahafantatra azy amin'ny anarana.

**ary nony nahita azy izy**

"rehefa nahita ilay lehilahy naratra ilay mpisorona." Ny mpisorona dia olona tena tia fivavahana, noho izany ny mpihaino dia manaiiky an'eritreritra fa hanampy ilay lehilahy maratra izy. Satria tsy nanao izany izy, noho izany ity fehezanteny ity dia afaka atao hoe "fa rehefa nahita azy izy" mba hisintomana ny saina amin'ity vokatra tsy nampoizina ity.

**dia nandeha teny am-pita**

Ity dia milaza fa tsy nanampy ilay lehilahy izy. DH: "tsy nanampy ilay lehilahy naratra izy fa kosa nandalo azy avy eny am-pita"

**Luke 10:33****Fa nisy Samaritana anankiray**

Ity dia mampiditra olona vaovao ao amin'ny tantara izay tsy nomena ny anarany. Fantatsika fotsiny hoe avy any Samaria izy.

**Samaritana anankiray**

Ireo Jiosy dia nanao tsinotsinona ireo Samaritana ary nihevitra fa tsy hanampy ilay lehilahy jiosy naratra izy.

**Rehefa nahita azy izy**

"Rehefa nahita ilay lehilahy naratra ilay Samaritana"

**nitsetra azy**

"nalahelo azy izy"

**namehy ny ratrany, ary nandraraka menaka sy divay tamin'izany**

Nasiany menaka sy divay teo amin'ilay ratra aloha. DH: "Nanisy divay sy menaka teo amin'ilay ratra izy ary namono izany tamin'ny akanjo"

**nandraraka menaka sy divay teo amin'izany**

Ny divay dia nampiasaina hanadiovana ratra, ary ny menaka dia mety hisorohana ny aretina. DH: "nandraraka menaka sy divay teo amin'izany mba hanasitrana izany"

**ny bibiny**

Ity dia biby nampiasainy hitondrana enta-mavesatra. Mety ho boriky izany.

**denaria roa**

"karama roa andro."

**ny mpampiantrano**

"tompon'ny tranom-bahiny" na "ny olona izay mikarakara ny trano"

**na hoatrinona na hoatrinona laninao mihoatra, rehefa miverina aho, dia ho efaiko**

DH: "rehefa miverina aho, dia ho efaiko na hoatrinona na hoatrinona laninao mihoatra"

**Luke 10:36****Iza amin'izy telo ireo**

Afaka soratana ho fanontaniana roa ity. DH: "Ahoana no eritreritrao? Iza amin'ireo lehilahy telo ireo no namana ... mpandroba?"

**no namana**

"nampiseho ny tenany ho tena namana"

**naman'ilay azon'ny mpandroba**

"naman'ilay lehilahy izay notafihan'ny mpandroba"

**Mandehana ary manaova toy izany koa**

Mety hanampy ny fanomezana fanazavana misimisy kokoa. DH: "Tahaka izany, tokony handeha koa ianareo ary manampy izay rehetra afaka ampianareo"

**Luke 10:38****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy tonga tao an-tranon'i Marta izay nihainoan'i Maria rahavaviny tsara an'i Jesosy.

**Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana hetsika vaovao.

**raha niara-nandeha izy ireo**

"raha niara-nandeha Jesosy sy ireo mpianany"

**tanàna iray**

"Ity dia mampiditra ilay tanàna toy ny toerana vaovao, fa tsy nilaza ny anaran'izany.

**vehivavy iray antsoina hoe Marta**

Ity dia mampiditra an'i Marta ho mpandray anjara vaovao. Ny fiteninanao dia mety manana fomba iray hampidirana olona vaovao.

**nipetraka teo an-tongotry ny Tompo**

Ity no fomba fipetraka tena izy sy manaja ho an'ny mpianatra tamin'izany fotoana izany. DH: "nipetraka tamin'ny tany teo akaikin'i Jesosy"

**nandre ny teniny**

Ity dia maneho ny zavatra rehetra izay nampianarin'i Jesosy raha mbola tao an-tranon'i Marta. DH: "nihaino ny fampianaran'ny Tompo"

**Luke 10:40****tsy mampaninona Anao ve ... irery?**

Marta dia nitaraina fa navelan'ny Tompo hipetraka hihaino Azy Maria nefa betsaka ny asa tokony atao. Nanaja ny Tompo izy, noho izany dia nampiasa fanontaniana matotra mba hanaovana ny fitarainany amin'ny fomba mihaja kokoa. DH: "hoatran'ny hoe tsy rarahinao ... irery"

**Marta, Marta**

Jesosy mamerina ny anaran'i Marta mba ho fanamafisana. DH: "Ry Marta" na "ianao, Marta"

**zavatra iray ihany no tena ilaina**

Jesosy dia mampifanohitra ny ataon'i Maria amin'ny zavatra ataon'i Marta. Mety hanampy ny manazava izany. DH: "ny zavatra tena ilaina dia ny fihainoana ny fampianarako" na "ny fihainoana ny fampianarako no tena ilaina noho ny manomana sakafo"



**izay tsy ho esorina aminy**

Ireo dika azo atao: 1) "tsy hanala aminy ity  
fahafahana ity Aho" na 2) "tsy hahavery izay azony  
tamin'ny fihainoana Ahy izy"

---

## Chapter 11

<sup>1</sup> Dia izao no nitranga rehefa nivavaka tao amin' ny toerana iray Jesosy, nisy iray tamin'ireo mpianany niteny taminy hoe: "Tompo, mba hampianaro mivavaka izahay toy ny nampianaran'i Jaona ireo mpianany." <sup>2</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Rehefa mivavaka ianareo dia teneno hoe: 'Ray o, ho hamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao.' <sup>3</sup> Omeo anay ny haninay isan'andro. <sup>4</sup> Avelao ny fahotanay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Aza mitondra anay ho any amin' ny fakam-panahy." <sup>5</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Iza aminareo no hanana namana, ary handeha ho any aminy amin'ny misasakalina, ary hanao aminy hoe: 'Ry namana, mba ampidraro mofo telo aho, <sup>6</sup> fa misy namako iray vao tonga avy lavitra, ary tsy manana na inona na inona haroso azy aho.' <sup>7</sup> Ary mety hamaly azy ny iray tao an-trano ka hanao hoe: 'Aza manelingelina ahy.' Efa mihidy ny varavarana, ary ny zanako, efa eo ampandrina, miaraka amiko. Tsy afaka mitsangana aho hanome mofo anao.' <sup>8</sup> Milaza aminareo Aho, fa na dia tsy mitsangana sy manome mofo anareo aza izy satria namany ianareo, dia nohon'ny fikirizana tsy misy henatra, dia hitsangana izy ary hanome anareo ny mofo rehetra izay ilainareo. <sup>9</sup> Mbola milaza aminareo koa aho, Mangataha, dia homena anareo izany; mitadiava, dia hahita ianareo; dondomy, dia ho vohana ianareo. <sup>10</sup> Fa ny olona rehetra izay mangataka dia mahazo, ary izay mitady dia mahita; ary izay olona mandodona, dia ho vohana. <sup>11</sup> Iza aminareo raim-pianakavina ireo no, raha mangataka trondro ny zanakareo, dia hanome azy bibilava fa tsy trondro? <sup>12</sup> Na raha mangataka atody izy, dia homenareo maingoka ve izy? <sup>13</sup> Noho izany, raha ianareo ratsy fanahy aza mahay manome fanomezana tsara ho an'ny zanakareo, dia ohatrin'ny ahoana ny halehiben'ny Fanahy Masina homen'ny rainareo izay any an-danitra ho an'ireo izay mangataka aminy?" <sup>14</sup> Ary Jesosy nandroaka demonia moana. Rehefa nivoka ilay demonia, dia lasa nahay niteny ilay lehilahy izay moana, ary dia gaga ny vahoaka. <sup>15</sup> Fa ny olona sasany nilaza fa: "Amin'ny alalan'i Belzeboba, izay mpitarika ny demonia, no androahany demonia." <sup>16</sup> Ny sasany nitsapa Azy ary nitady famantarana avy any an-danitra taminy. <sup>17</sup> Nefa fantatr'i Jesosy izay tao an-tsain'izy ireo ka niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "ireo fanjakana rehetra izay mizarazara dia ho rava, ary ny trano izay mizarazara dia hirodana." <sup>18</sup> Koa raha miady an-trano ary Satana, ahoana no hampaharitra ny fanjakany? Fa hoy ianareo hoe mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Aho. <sup>19</sup> Fa raha mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba ary Aho, amin'ny alalan'iza kosa no androahan'ny mpanara-dia anareo azy? Noho izany, dia izy ireo no hitsara anareo. <sup>20</sup> Fa raha mandroaka ny demonia amin'ny alalan'ny ratsantananan' Andriamanitra Aho, dia tonga aminareo ny fanjakan' Andriamanitra. <sup>21</sup> Rehefa ampy fitaovana tsara ny lehilahy mahery iray miandry ny tranony, dia voaro ny haren'ny, <sup>22</sup> nefa kosa raha mahery noho izy ny lehilahy iray ka mandresy azy, dia alain'ily lehilahy mahery kokoa amin'ily lehilahy ny fiadiana, ary ho robainy ny fananan'ily lehilahy. <sup>23</sup> Izay tsy miaraka amiko dia manohitra Ahy, ary izay tsy miangona miaraka amiko dia misaraka. <sup>24</sup> Rehefa miala amin'ny olona iray ny fanahy ratsy, dia lasa izy mamakivaky toerana tsy misy rano ary mitady fitsaharana. Ary rehefa tsy mahita, dia hoy izy hoe: 'Andeha hiverina any amin'ny trano niaviako aho.' <sup>25</sup> Rehefa tafaverina, izy dia mahita izany trano izany voadio sy voalamina. <sup>26</sup> Avy eo dia lasa izy ary maka fanahy hafa ratsy mihoatra ny tenany miisa fito miaraka aminy izy ary dia miditra mba hitoetra ao izy rehetra. Ka ratsy kokoa noho ilay voalohany ny fiakaran'ny izany olona izany." <sup>27</sup> Ary raha niteny ireo zavatra ireo Izy, dia nisy vehivavy iray nanandratra ny feony tao anaty vahoaka ary nanao taminy hoe: "Sambatra ny kibo izay niteraka Anao sy ny nono izay ninonoanao." <sup>28</sup> Fa hoy kosa Izy hoe: "Sambatra, kokoa aza, ireo izay mihaino ny tenin'Andriamanitra sy mihazona izany." <sup>29</sup> Ary raha mbola mitombo ny vahoaka, dia nanomboka niteny Jesosy hoe: "Ity taranaka ity dia taranaka ratsy. Mitady famantarana izy, nefa tsy hisy famantarana aseho azy afa-tsy ny famantaran'i Jona. <sup>30</sup> Fa tahaka ny nahatonga an'i Jona ho famantarana tamin'ireo Ninivita, toy izany koa dia ho famantarana ny Zanak'Olona amin'ity taranaka ity. <sup>31</sup> Ny Mpanjaka vavin'ny Atsimo dia hitsangana amin'ny fitsarana miaraka amin'ireo lehilahy amin'ity taranaka ity ka hanameloka azy ireo, fa tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy mba hiaino ny fahendren'i Solomona, ary indro, eto ny olona lehibe noho Solomona. <sup>32</sup> Ny lehilahin'i Ninive dia hiara hitsangana amin'ity taranaka ity amin'ny fitsarana ary hanameloka azy, satria nibebaka tamin'ny nitorian'i Jona izy ireo, ary indro, misy olona lehibe noho Jona eto. <sup>33</sup> Tsy misy olona iray, raha avy nandrehitra Jiro, dia mametraka izany amin'ny toerana takona na ao ambanin'ny harona, fa atao eo amin'ny fitoeran-jiro, mba ho hitan'izay miditra ny hazavana. <sup>34</sup> Ny masonao no jiron'ny vatana. Rehefa tsara ny masonao, dia rakotra hazavana ny tena rehetra. Fa raha ratsy kosa ny masonao, dia feno haizina ny tenanao. <sup>35</sup> Noho izany, mitandrema ianareo mba tsy ho maizina ny hazavana ao aminareo. <sup>36</sup> Ary, raha feno hazavana ary ny tenanao rehetra, ka tsy misy ampahan'izany ao anaty haizina, dia ho tahaka ny jiro izay mampamiratra ny hazavany eo aminao ny tenanao manontolo. <sup>37</sup> Rehefa vita ny resany, dia nisy Fariseo nanasa azy hiara-hisakafo aminy any an tranony, dia niditra Jesosy ka nipetraka.

<sup>38</sup> Gaga ilay fariseo fa tsy nisasa aloha Jesosy alohan'ny hihinana. <sup>39</sup> Fa hoy ny Tompo taminy hoe: "Ankehitriny, Ianareo Fariseo, dia manadio ny ivelan'ny kaopy sy ny lovia, nefa ny ao anatinareo dia feno rombaka sy faharatsiana." <sup>40</sup> Ianareo ry kely saina! Tsy nanao izay ao anatin'ny ihany koa ve izay nanao ny ivelany? <sup>41</sup> Omeo ny mahantra izay ao anatin'ny, dia ho madio ho anareo avokoa ny zavatra rehetra. <sup>42</sup> Fa loza ho anareo ry Fariseo, satria mandoa ny ampahafolon'ny solila sy ny rota ary ny hazo hafa eny antsaha ianareo, nefa tsy norarahinareo ny fahamarinana sy ny fitiavan'Andriamanitra. Ilaina ny manao ny marina sy mitia an'Andriamanitra, no sady tsy manadino ny manao ireo zavatra hafa ihany koa. <sup>43</sup> Loza ho anareo ry Fariseo, fa tianareo ny toerana voalohany eny amin'ny synagoga sy ny fiarahabana feno fanajana anareo eny an tsena. <sup>44</sup> Loza ho anareo, fa ianareo dia tahaka ny fasana tsy misy famantarana izay hitsahin'ny olona fa tsy fantany izany. <sup>45</sup> Ny iray tamin'ireo mpampianatra lalàna niteny taminy hoe: "Mpampianatra o, izany lazainao izany dia maniratsira anay koa." <sup>46</sup> Jesosy niteny hoe: "Loza ho anareo, ry mpampiana-dalàna! Fa mampitondra enta-mavesatra tsy zakan'ny olona ianareo, nefa tsy mikasika izany enta-mavesatra izany akory na dia ny ratsan-tananareo iray aza. <sup>47</sup> Loza ho anareo, satria manorina fasana ho an'ireo mpaminany ianareo, nefa ny razambenareo no namono azy ireo. <sup>48</sup> Koa vavolombelona ary manaiky ny asan'ny razanareo ianareo, fa namono azy ireo tokoa izy ireo ary ianareo no manorina ny fasany. <sup>49</sup> Noho izany ihany koa, no nanambaran'ny fahendren'Andriamanitra hoe: 'Handefa mpaminany sy apostoly amin'izy ireo Aho, ary izy ireo hamono sy hanenjika ny sasany amin'izy ireo." <sup>50</sup> Ity taranaka ity, izany, no ho tompon'andraikitra amin'ny ràn'ireo mpaminany rehetra nilatsaka hatramin'ny naharian'izao tontolo izao, <sup>51</sup> nanomboka teo amin'ny ràn'i Abela ka hatramin'ny ràn'i Zakaria, izay novonoina teo anelanelan'ny alitara sy ny fitoerana masina. Eny, lazaiko marina aminareo, fa ity taranaka ity no ho tompon'antoka. <sup>52</sup> Loza ho anareo ry mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy, satria nalainareo ny fanalahidin'ny fahalalana; tsy miditra ao ny tenanareo, ary sakananareo ireo izay miditra." <sup>53</sup> Taorian'ny nialan'i Jesosy teo, dia nanohitra Azy ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ary niady hevitra taminy mahakasika ny zavatra maro, <sup>54</sup> sady niezaka ny hamandrika Azy tamin'ny teniny ihany.

## Footnotes

11:11 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo fandikana tsara indrindra misy vaki-teny fohy kokoa, izay arahintsika eto. Ny fandikana taloha sasany dia misy vakin-teny lavalava kokoa, izay hita ao amin'ny Matio 7:9 ihany koa: "Raim-pianakaviana iza aminareo, raha mangataka mofo ny zanakareo, no hanome azy vato? Na trondro, dia hanome azy bibilava?"

## Luke 11:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Jesosy mampianatra ireo mpianany mba hivavaka.

**Dia izao no nitranga**  
Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara. Raha manana fomba fanaovana izany ny fitenin'ao, dia ampiasao eto izany.

**rehefa nivavaka ... nisy iray**  
Mety ho mitombona kokoa ny mametraka hoe rehefa vita ny vavak'i Jesosy vao nanontany ireo mpianatra. DH: "fa Jesosy nivavaka tao amin'ny toerana iray. Rehefa vita ny vavaka nataony, dia nisy iray"

## Luke 11:2

**Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe**  
"Hoy Jesosy tamin'ireo mpianany"

**Rehefa mivavaka ianareo dia teneneo hoe: 'Ray o'**  
Jesosy nibaiko ireo mpianatra mba hanome voninahitra ny anaran'Andriamanitra Ray amin'ny fanaovana Azy hoe "Ray" rehefa mivavaka Aminy.

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**ho hamasinina anie ny anaranao**  
"hampianaro hanome voninahitra Anao ny olona rehetra." Ny "anarana" dia maneho ny maha-olona an'ilay olona foana. DH: "hanome voninahitra Anao anie ny olona rehetra"

**Ho tonga anie ny fanjakan'ao**  
Ny hetsik'Andriamanitra manapaka ny olona rehetra dia hambara toy ny hoe Andriamanitra izany. DH: "Ho tonga anie Ianao ary hanapaka ny olona rehetra"

## Luke 11:3

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy manohy mampianatra ireo mpianany ny fomba fivavahana.

**Omeo anay ... Avelao ny fahotanay ... Aza mitondra anay**  
Ireo dia tsy maintsy atao, fa tokony adika toy ny fangatahana izany, fa tsy toy ny baiko. Mety hanampy ny manampy zavatra toy ny hoe "miangavy" amin'izany mba hampazava azy tsara. DH: "Miangavy mba omeo anay ... Miangavy mba avelao ny fahotanay ... Miangavy mba aza mitondra anay"

**haninay isan'andro**  
DH: "ny hanina ilainay isan'andro"

**Avelao ny fahotanay**  
"mamelaha anay nohon'ny fanotana manohitra anao"

**tahaka ny namelanay**  
"satria mamela ihany koa izahay"

**izay meloka taminay**  
"izay nanao ratsy taminay"

**Aza mitondra anay any amin'ny fakam-panahy**  
DH: "Alaviro anay ny fakam-panahy"

## Luke 11:5

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy manohy mampianatra ireo mpianany momban'ny vavaka.

**Iza aminareo no hanana**  
Jesosy nampiasa ity fanontaniana ity mba hampianarana ireo mpianatra. DH: "Eritrereto hoe ny ray amintsika dia manana" na "Eritrereto hoe ianao dia manana"

**mba ampindramo mofo telo aho**  
"avelao aho hindrana mofo telo" na "omeo mofo telo aho dia ho efaiko aminao ao aoriana." Ilay mpampiantramo dia tsy manana sakafo efa vonona haroso ho an'ny vahiny mihintsy.

**mofo telo**  
Ny mofo dia nampiasaina foana mba hanehoana sakafo amin'ny ankapobeny. DH: "sakafo sahaza nomanina ho an'ny olona mba ho hanina"

**vao tonga avy lavitra**  
Ity dia milaza fa lavitry ny trano izy ireo. DH: "nandeha dia lavitra ary vao tonga ato an-tranoko"

**tsy manana na inona na inona haroso azy**  
"tsy manana sakafo vonona haroso azy"

**Tsy afaka mitsangana aho**  
"tsy mora amiko ny mitsangana"

**Milaza aminareo Aho**  
Jesosy niresaka tamin'ireo mpianatra.

**manome mofo anareo aza izy satria namany ianareo**  
Jesosy miresaka amin'ireo mpianatra toy ny hoe izy ireo ilay mangataka mofo.

**fikirizana tsy misy henatra**  
Ity dia maneho ny zava-misy fa ilay olona mangataka mofo dia tsy miraharaha ny zava-misy hoe tsy mora amin'ilay namany ny mitsangana amin'ny sasan-kalina mba haka ilay mofo ho azy.

## Luke 11:9

**Mangataka ... mitadiava ... dondomy**  
Jesosy nanome ireo baiko ireo mba hamporisihana ireo mpianany mba hivavaka foana. DH: "aza mitsahatra mangataka izay ilainao ... aza mitsahatra mitady izay ilainao avy amin'Andriamanitra ... aza mitsahatra mandondona ny varavarana"

**homena anareo izany**  
DH: "Omen'Andriamanitra anareo izany" na "dia ho azonareo izany"

**dondomy**  
Ny mandondona eo am-baravarana dia ny mikapoka izany elaela mba hafantaran'ilay olona ao anatin'ny mijoro ao ivelany ianao. Izany koa dia afaka adika amin'ny fomba hampisehon'ny olona amin'ny kolontsainao hoe tonga, toy ny hoe "miantso" na "mikoaka" na "miteaka." Eto, izany dia midika hoe ny olona dia tokony tsy hitsahatra mivavaka amin'Andriamanitra mandra-pamaliny izany.

**dia ho vahana ianao**  
DH: "Andriamanitra dia hamoha ny varavarana ho anao" na "Andriamanitra dia hampandroso anao ho ao anatin'ny"

## Luke 11:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Tapitra ny fampianaran'i Jesosy ireo mpianany ny momban'ny vavaka.

**Iza aminareo raim-pianakaviana ... trondro?**  
Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hampianarana ireo mpianany. Afaka soratana toy ny fanambarana ihany koa izany. DH: "Tsy misy aminareo raim-pianakaviana ... trondro"

**Na raha mangataka ... maingoka ve izy?**  
Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hampianarana ireo mpianany. Afaka soratana toy ny fanambarana koa izany. DH: "Ary ianareo dia tsy hanome azy maingoka mihintsy raha atody no angatahiny"

**maingoka**  
Ny maingoka dia mitovitovy amin'ny hala, fa misy rambo ary manana fanindromana misy poizina. Raha tsy fantatra any amin'izay misy anareo ny

maingoka, dia afaka adikanareo hoe "hala misy poizina" izany.

**raha ianareo ratsy fanahy aza mahay**  
"satria ianareo ratsy fanahy mahay" na "na dia mpanota aza ianareo, dia mahay"

**ohatrin'ny ahoana ny alehiben'ny Fanahy Masina homen'ny Rainareo any an-danitra ho an'ireo izay mangataka aminy?**  
Mbola mampiasa fanontaniana indray Jesosy hampianarana ireo mpianany.

#### **Luke 11:14**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ity no fizarana manaraky ny tantara. Jesosy nametra-panontaniana taorian'ny nandroahany demonia tamin'ny lehilahy moana.

**Jesosy nandroaka demonia moana**  
Mety hanampy ny fanampiana fanazavana. DH: "Jesosy nandroaka demonia tamin'olona iray" na "Jesosy nampamoaka demonia hiala ao amin'olona iray"

**moana**  
Tsy inoana hoe ilay demonia no tsy afaka niteny. Ity demonia ity dia toa nanana hery manakana olona tsy hiteny. DH: "ilay demonia tsy nampahay niteny ilay lehilahy"

**Rehefa nivoaka ilay demonia**  
Mety hanampy ny fanampiana fanazavana. DH: "Rehefa nivoaka avy tao amin'ilay lehilahy ilay demonia" na "rehefa niala tao amin'ilay lehilahy ilay demonia"

**lasa nahay niteny ilay lehilahy moana**  
"niteny izao ilay lehilahy izay tsy afaka niteny"

**Amin'ny alalan'i Belzeboba, izay mpitarika ny demonia, no androahany demonia**  
"Izy dia mandroaka demonia amin'ny herin'i Belzeboba, mpitarika ny demonia."

#### **Luke 11:16**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Jesosy manomboka mamaly ny vahoaka.

**Ny sasany nitsapa Azy**  
"Nitsapa an'i Jesosy ireo olona hafa." Tian'izy ireo hanaporofa izy fa avy amin'Andriamanitra ny fahefany.

**ary nitady famantarana avy any an-danitra taminy**  
"nangataka Azy mba hanao famantarana avy any an-danitra." Izany no fomba tian'izy ireo hanaporofa any fa avy amin'Andriamanitra ny fahefany.

**ireo fanjakana rehetra izay mizarazara dia ho rava**  
Ny "fanjakana" eto dia maneho ny olona ao aminy. DH: "Raha miady an-trano ny olona ao amin'ny fanjakana iray, dia hamotika ny fanjakany izy ireo"

**ny trano izay mizarazara dia hirodana**  
Eto ny "trano" dia maneho ny fianakaviana. DH: "Raha miady an-trano ny olona ao amin'ny fianakaviana iray, dia handrava ny fiankaviany izy ireo"

**hirodana**  
"hianjera ary ho potika." Ity sarisarin'ny trano mirodana ity dia maneho ny fahapotehan'ny fianakaviana iray rehefa miady an-trano ireo mpikambana ao.

#### **Luke 11:18**

**Raha miady an-trano Satana**  
Ny "Satana" eto dia maneho ireo demonia izay manaraka an'i Satana sy Satana mihinsy. DH: "Raha miady an-trano Satana sy ireo mpikambana ao amin'ny fanjakany"

**Koa raha miady an-trano Satana, ahoana no hampaharitra ny fanjakany?**  
Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny olona. Afaka atao toy ny fanambarana izany. DH: "Raha miady an-trano Satana dia tsy haharitra ny fanjakany"

**Fa hoy ianareo hoe mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Aho**  
"Fa hoy ianareo hoe amin'ny alalan'ny herin'i Belzeboba no hamoahako demonia hiala amin'ny olona."

**Fa raha ... amin'ny alalan'iza kosa no androahan'ny mpanara-dia anareo azy?**  
Fa raha ... dia amin'ny alalan'ny herin'iza no hamoahan'ny mpanara-dia anareo demonia hiala amin'ny olona?" Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny olona. Afaka hazavaina ny tian'i Jesosy hambara amin'ny fanontaniany. DH: "Fa raha ... dia tsy maintsy manaiky isika fa ireo mpanara-dia anareo koa dia mamoka demonia amin'ny herin'i Belzeboba. Fa tsy mino ianareo hoe marina izany."

**izy ireo no hitsara anareo**  
"ireo mpanara-dia anareo izay mandroaka demonia amin'ny herin'Andriamanitra no hitsara anareo amin'ny filazana fa ny herin'i Belzeboba no handroahako demonia"

**amin'ny alalan'ny ratsan-tanan'Andriamanitra**  
Ny "ratsan-tanan'Andriamanitra" dia maneho ny herin'Andriamanitra.

**dia tonga aminareo ny fanjakan'Andriamanitra**  
"Ity dia mampiseho fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tonga aminareo"

**Luke 11:21**

**Rehefa ampy fitaovana ... fananan'ilay lehilahy**  
 Ity dia miresaka momban'i Jesosy mandresy ny Satana sy ireo demoniany toy ny hoe lehilahy mahery kokoa Jesosy izay maka izay an'ny lehilahy mahery.

**alain'ilay lehilahy mahery kokoa amin'ilay lehilahy ny fiadiana**  
 "manala ny fitaovam-piadian'ilay lehilahy sy ny fiarovany"

**voaaro ny harenny**  
 "tsy hisy afaka haka ireo fananany"

**ho robainy ny fananan'ilay lehilahy**  
 "mangalatra ireo fananany" na "naka ny zavatra rehetra izay nilainy"

**Izay tsy miaraka amiko**  
 "ny olona izay tsy manohana Ahy" na "ny olona izay tsy miara-miasa amiko"

**dia manohitra Ahy**  
 "miasa manohitra Ahy." Ity dia maneho ireo izay nilaza fa Jesosy dia miara-miasa amin'i Satana.

**izay tsy miangona miaraka amiko dia misaraka**  
 DH: "izay tsy miteny ny olona mba hanaraka Ahy dia miteny azy ireo mba hanalavitra Ahy"

**Luke 11:24**

**toerana tsy misy rano**  
 Ity dia maneho ny "tany rava" izay fandehandehanan'ny fanahy ratsy.

**Rehefa tsy mahita**  
 "Rehefa tsy mahita fitsaharana eny ilay fanahy ratsy"

**trano niaviako**  
 Ity dia maneho ny olona izay efa nipetrahan'ny nahazatra. DH: "ny olona mahazatra ahy ny mipetraka ao aminy!"

**mahita izany trano izany madio sy voalamina**  
 Ity sariteny ity dia miresaka momban'ny olona toy ny hoe trano vadio sy voalamina izy ireo. DH: "mahita fa ilay olona dia toy ny trano izay nodiovin'ny olona sy nalamina, fa namela izany tsy misy na inona na inona."

**ratsy kokoa noho ilay voalohany**  
 Afaka ampiana ilay fanazvana tsy ampy. DH: "ratsy kokoa noho ny nahitana azy talohan'ny nialan'ilay fanahy"

**Luke 11:27**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ity dia fiatoana amin'ny fampianaran'i Jesosy. Mitso-drano ny vehivavy iray dia mamaly Jesosy.

**Ary raha**  
 Ity dia nampiasaina hanamarihana hetsika manandanja ao amin'ny tantara. Raha manana fomba fanaovana izany ny fiteninao, dia ampiasao eto izany.

**nanandratra ny feony tao anaty vahoaka**  
 Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "niresaka tamin'ny feo mafy tao anatin'ny tabataban'ny vahoaka"

**Sambatra kokoa aza, ireo izay**  
 "'mbola tsara kokoa ho an'ireo izay"

**Luke 11:29**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Jesosy manohy mampianatra ny vahoaka.

**Raha mbola nitombo ny vahoaka**  
 "raha nitombo ny olona nanatona ny vahoaka"

**Ity taranaka ity dia taranaka ratsy**  
 Eto ny hoe "taranaka" dia maneho ny olona ao amin'izany. DH: "Ny olona niaina tamin'izany fotoana izany dia olon-dratsy"

**Mitady famantarana izy**  
 "Mila Ahy hanome famantarana izy ireo" na "Maro aminareo no mila Ahy hanao famantarana aminareo." Ny fanazavana momban'ny karazana famantarana tadiavin'izy ireo dia afaka atao mazava tsara. DH: "Maro aminareo no mila Ahy hanao fahagagana ho porofo fa avy amin' Andriamanitra Aho"

**tsy hisy famantarana aseho azy**  
 DH: "Tsy hanome famantarana azy ireo Andriamanitra"

**famantaran'i Jona**  
 "izay nitranga tamin'i Jona" na "ny fahagagana nataon'Andriamanitra ho an'i Jona"

**Fa tahaka ny nahatonga an'i Jona ho famantarana ... toy izany koa ... ity taranaka ity**  
 Ity dia midika fa Jesosy dia hanompo ho famantarana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo Jiosy tamin'izany andro izany mitovy tanteraka amin'ny fomba nanompoan'i Jona ho famantarana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo olon'i Ninive.

**Zanak'Olon**  
 Jesosy maneho ny tenany ihany.

**ity taranaka ity**  
 "ny olona miaina amin'izao"

**Luke 11:31****Mpanjaka vavin'ny Atsimo**

Ity dia maneho ny mpanjaka vavin'i Sheba. Sheba dia fanjakana Atsimon'Isiraely.

**hitsangana amin'ny fitsarana miaraka amin'ireo lehilahy amin'ity taranaka ity**

"hitsangana sy hitsara ny olona amin'izao fotoana ihany koa"

**tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy**

Ity fomba fiteny ity dia midika fa avy lavitra izy. DH: "tonga avy any amin'ny toerana tena lavitra izy"

**eto ny olona lehibe noho Solomona**

Mety hanampy ny milaza mazava tsara fa tsy nihaino an'i Jesosy izy ireo. DH: "Lehibe noho Solomona Aho, fa tsy nihaino Ahy ianareo"

**olona lehibe noho Solomona**

Jesosy dia miresaka momban'ny tenany. DH: "Lehibe noho Solomona Aho"

**Luke 11:32****Ireo lehilahin'i Ninive**

Mety hanampy ny filazana mazava tsara fa ity dia maneho ny tanànan'i Ninive taloha. DH: "Ireo lehilahy nipetraka tao amin'ny tanànan'i Ninive taloha"

**ity taranaka ity**

"ny olona amin'izao fotoana"

**satria nibebaka izy ireo**

"satria nibebaka ireo olon'i Ninive"

**misy olona lehibe noho Jona eto**

Mety hanampy ny filazana mazava tsara fa tsy nihaino an'i Jesosy izy ireo. DH: "Izaho dia lehibe noho Jona fa tsy nibebaka ianareo"

**olona lehibe noho Jona**

Jesosy miresaka momban'ny tenany. DH: "Izaho dia lehibe noho Jona"

**Luke 11:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fampianaran'i Jesosy ny vahoaka.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha 33-36 dia sariteny izay hiresahan'i Jesosy ny fampianarany toy ny "hazavana" izay tokony ho zaraina amin'ny olona rehetra. Izy dia miresaka ireo olona izay tsy manaiky ny fampianarany nefa ao anatin'ny "haizaina".

**mametraka izany amin'ny toerana takona na ao ambany harona**

"manafina izany na mametraka izany ao ambany harona"

**fa atao eo amin'ny fitoeran-jiro**

Mety hanampy ny fanampiana ny fanazavana tsy ampy. DH: "fa nataon'izy ireo tamin'ny fitoeran-jiro izany" na "fa napetrak'izy ireo teo amin'ny latabatra izany"

**Ny masonao no jiron'ny tena**

Amin'ity sariteny ity, ireo zavatra hitan'izy ireo nataon'i Jesosy dia nanome fahazoana toy ny maso manome hazavana ho an'ny vatana.

**Ny masonao**

Ny maso dia entina hilazana ny fahitana.

**ny vatana**

Ny vatana dia entina hilazana ny fiainan'ny olona iray.

**Rehefa tsara ny masonao**

Ny "maso" dia entina hilazana ny fahitana. DH: "Rehefa tsara ny fahitanao" na "rehefa mahita tsara ianareo"

**rakotra hazavana ny tena rehetra**

DH: "handrakotra ny vatanao iray manontolo ny hazavana" na "ho afaka hahita mazava tsara ny zavatra rehetra ianao"

**rehefa ratsy ny masonao**

Eto ny "maso" dia entina hilazana ny fahitana. DH: "Rehefa ratsy ny fahitanao" na "rehefa tsy dia mahita tsara ianao"

**feno haizina ny tenanao**

"tsy afaka hahita na inona na inona ianao"

**mitandrema ianareo mba tsy ho haizina ny hazavana ao aminareo**

"kendreo tsara mba tsy ho haizina izay heverinareo fa hazavana raha ny marina" na "Aoka mba ho fantatrareo tsara ny atao hoe hazavana, ary fantatrareo ny atao hoe haizina"

**dia ho tahaka ny jiro izay mampamirapiratra ny hazavany aminao ny tenanao manontolo**

Jesosy dia miresaka ireo olona izay feno ny marina toy ny hoe jiro izay mampirapiratra be izy ireo.

**Luke 11:37****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara. Jesosy dia nasaina hihinana ao amin'ny tranon'ny Fariseo iray.

**any an-tranony**

Ity dia maneho ny tranon'ilay Fariseo.

**nisasa**

Ireo Fariseo dia nanana fitsipika hoe ny olona dia tsy maintsy manasa ny tanan'izy ireo mba ho madio ara-pomba eo imason'Andriamanitra. DH: "nanasa

ny tanany" na "nanasa ny tanany mba hadio araka ny fanao"

### Luke 11:39

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manomboka miresaka amin'ilay Fariseo amin'ny fampiasana fanoharana. Izy dia mampitaha ny fomba fanadiovan'izy ireo kaopy sy lovia amin'ny fomba fanadiovan'izy ireo ny tenan'izy ireo.

#### ny ivelan'ny kaopy sy ny lovia

Ny fanasana ny ivelan'ny fitoeran-javatra dia isan'ny fomba fanaon'ireo Fariseo.

#### nefa ny ao anatinareo dia feno rombaka sy faharatsiana

Ity sariteny ity dia mampifanohitra ny fomba fanasan'izy ireo tsara ny ivelan'ny lovia amin'ny fomba tsy firarahiny ny ao anatin'izy ireo manokana.

#### Ianareo ry kely saina

Ity fomba fiteny ity dia afaka maneho na ny lehilahy na vehivavy, na dia lehilahy avokoa aza ireo noresahan'i Jesosy teto.

#### Tsy nanao izay ao anatin'ny ihany koa ve izay nanao ny ivelany?

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ireo Fariseo nohon'ny tsy fahazoana fa izay ao am-pon'izy ireo no jeren'Andriamanitra. DH: "Izay nanao ny ivelany no manao ny ao anatin'ny koa!"

#### Omeo ny mahantra izay ao anatin'ny

Ity dia maneho izay tokony ho ataon'izy ireo amin'ny kaopy sy lovia'izy ireo. DH: "Omeo ny mahantra izay ao anatin'ny kaopy sy lovia'ireo" na "malalà-tanana amin'ny mahantra"

#### ho madio ho anareo avokoa ny zavatra rehetra

"hadio tanteraka ianareo" na "samy hadio na ny ao anaty na ny ivelanareo"

### Luke 11:42

#### mandoa ny ampahafolon'ny solila sy ny rota ary ny hazo hafa eny an-tsaha ianareo

"manome ny ampahafolon'ny solila sy ny rota ary ny hazo hafa eny an-tsaha ho an'Andriamanitra ianareo." Jesosy nanome ohatra ny atafahoatran'ireo Fariseo amin'ny fanomezana ny ampahafolon'ny vola miditra amin'izy ireo.

#### solila sy rota

Ireo dia zava-maniry. Asin'ny olona ravina kelin'io fotsiny ny sakafon'izy ireo mba hanome ny tsirony. Raha tsy mahafantatra ny atao hoe solila sy rota ny olona, dia afaka mampiasa anarana zava-maniry izay fantatr'izy ireo ianao na fomba fiteny ankapobeny toy ny hoe "zava-maniry."

#### ireo hazo hafa eny an-tsaha

Ireo dikateny azo atao: 1) "ireo legioma hafa rehetra eny an-tsaha" na 2) "ireo zava-maniry hafa rehetra eny an-tsaha."

#### ny fitiavan'Andriamanitra

"mitia an'Andriamanitra" na "fitiavana an'Andriamanitra." Andriamanitra dia ilay iray izay tiana.

#### tsy manadino manao ireo zavatra hafa ihany koa

Ny hoe "tsy manadino" dia manamafy fa ity dia tokony ho atao foana. DH: "ary manao ireo zavatra hafa foana ihany koa"

### Luke 11:43

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy nahavita ny resany tamin'ireo Fariseo.

#### ny toerana voalohany

"ny toerana tsara indrindra "

#### fiarahabana feno fanajana eny an-tsena

"tianareo hiarahaba anareo amim-boninahitra miavaka ny olona"

#### ianareo dia tahaka ny fasana tsy misy famantarana izay hitsahin'ny olona fa tsy fantany izany

Ireo Fariseo dia toy ny fasana tsy misy famantarana satria hita madio ara-pomba, fa mampaloto ny olona manodidna azy ireo.

#### fasana tsy misy famantarana

Ireo fasana ireo dia lavaka nohadiana tao amin'ny tany izay nandevenana ny maty. Ireo dia tsy nanana ireo vato fotsy izay apetrakin'ny olona eo amin'ny fasana raha ny tena izy mba ho hitan'ny olona.

#### fa tsy fantany izany

Rehefa nandeha teo amin'ny fasana ireo Jiosy, dia tonga maloto ara-pomba. Ireo fasana tsy misy famantarana ireo dia mahatonga azy ireo hanao izany tsy nahy. DH: "amin'ny tsy fahafantarana izany ka tonga maloto ara-pomba"

### Luke 11:45

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manomboka mamaly mpampianatra Jiosy iray.

#### iray tamin'ireo mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

#### izany lazainao izany dia maniratsira anay koa

Ny fanehoan-kevitr'i jesosy momban'ireo Fariseo koa dia toa mihatra amin'ireo mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy.



**Loza ho anareo, ry mpampianatra lalàna!**

Jesosy manazava izany tsara fa nihevitra ny hanameloka ny hetsik'ireo mpampianatra lalàna miaraka amin'ireo Fariseo Izy.

**mampitondra enta-mavesatra tsy zakan'ny olona ianareo**

Jesosy miresaka momban'ny olona iray manome lalàna maro be ho an'ny olona toy ny hoe nanome enta-mavesatra be ho azy ireo ilay olona. DH: "manome enta-mavesatra ny olona ianareo amin'ny fanomezana azy ireo lalàna maro mba arahana"

**mikasika izany enta-mavesatra izany amin'ny ratsan-tananareo**

Ireo dikateny azo atao: 1) "tsy manao na inona na inona akory hanampiana ireo olona mitondra ireo enta-mavesatra ireo" na 2) "tsy manao ezaka akory hitondra ireo enta-mavesatra ireo ho an'ny tenanao."

**Luke 11:47****koa vaolombelona ianareo ary manaiky**

Jesosy miteny mafy ireo Fariseo sy mpampianatra ny lalàna. Fantatr'izy ireo ny famonoana ireo mpaminany, fa tsy nanameloka ireo razamben'izy ireo nohon'ny famonoana azy ireo. DH: "Noho izany, raha tokony hiapanga azy ireo, dia nanamafy sy nanaiky ianareo"

**Luke 11:49****Noho izany ihany koa**

Ity dia maneho ny fanambarana teo aloha hoe ireo mpampianatra ny lalàna dia mampitondra enta-mavesatra ny olona amin'ny lalàna.

**nanambaran'ny fahendren'Andriamanitra**

Ny "fahendrena" dia raisina toy ny hoe afaka miresaka ho an'Andriamanitra. DH: "Andriamanitra amin'ny fahendreny dia niteny hoe" na "Andriamanitra niteny am-pahendrena hoe"

**Handefa mpaminany sy Apostoly amin'izy ireo Aho**

"Handefa mpaminany sy apostoly ho an'ireo oloko Aho." Andriamanitra nanambara mialoha fa haniraka mpaminany sy apostoly ho an'ireo razamben'ny mpihaino Jiosy Izy izay noresahan'i Jesosy.

**izy ireo hamono sy hanenjika ny sasany amin'izy ireo**

"ny oloko dia hanenjika sy hamono ny sasany amin'ireo mpaminany sy apostoly." Andriamanitra nanambara mialoha fa ireo razamben'ny mpihaino Jiosy izay noresahan'i Jesosy dia hanenjika sy hamono ireo mpaminany sy apostoly.

**Ity taranaka ity, izany, no ho tompon'andraikitra amin'ny ràn'ireo mpaminany rehetra nilatsaka**

Ireo olona izay noresahan'i Jesosy dia ho tompon'andraikitra amin'ny famonoana ireo

mpaminany amin'ny alalan'ireo razamben'izy ireo. DH: "Noho izany, Andriamanitra dia hitazona ity taranaka ity ho tompon'andraikitra amin'ny fahafatesan'ireo mpaminany rehetra izay novonoin'ny olona"

**ny ràn'ireo mpaminany rehetra nilatsaka**

Ny "rà ... nilatsaka" dia maneho ny rà niparitaka rehefa novonoina izy ireo. DH: "ny famonoana ireo mpaminany"

**Zakaria**

Ity dia mety ilay mpisorona ao amin'ny Testamenta Taloha izay niteny mafy ny olon'Isiraely nohon'ny fanompoan-tsampy. Ity dia tsy ilay rain'i Jaona mpanao batisa.

**izay novonoina**

DH: "izay novonoin'ny olona"

**Luke 11:52****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny famalian'i Jesosy an'ilay mpampianatra Jiosy.

**nalainareo ny fanalahidin'ny fahalalana ... ary sakananareo ireo izay miditra**

Jesosy miresaka momban'ny marin' Andriamanitra toy ny hoe trano izany ka tsy mety miditra ao ny mpampianatra ary tsy hamela ireo hafa hanana ny fanalahidy hidirana ao. Ity dia midika fa ireo mpampianatra dia tsy tena mahalala tsara an'Andriamanitra, ary manakana ny hafa hahafantatra Azy koa izy ireo.

**tsy miditra ao ny tenanareo**

"ny tenanareo mihintsy aza tsy miditra maka fahalalana ao"

**Luke 11:53****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no faran'ny fizarana ao amin'ny tantara izay nisakafoan'i Jesosy tao amin'ny tranon'ilay Fariseo. Ireo andininy ireo dia milaza ny mpamaky izay nitranga taorian'ny fizarana lehibe amin'ny fiakaran'ny tantara.

**Taorian'ny nialan'i Jesosy teo**

"rehefa nandao ny tranon'ilay Fariseo Jesosy"

**niady hevitra taminy ... sady niezaka ny hamandrika Azy**

Ireo mpisoronabe sy Fariseo dia tsy niady hevitra mba hiarovana ny fomba fijerin'izy ireo, fa mba hamandrihana an'i Jesosy mba ho afahan'izy ireo miapanga Azy amin'ny fandikana ny lalàn' Andriamanitra.

**niezaka ny hamandrika Azy tamin'ny teniny ihany**

Ity dia midika fa tian'izy ireo hilaza zavatra diso Jesosy mba afahan'izy ireo miapanga Azy.

## Chapter 12

<sup>1</sup> Tamin'izany, rehefa niara-niangona ny vahoaka an'arivony maro, maro loatra hany ka nifanitsa-kitro izy ireo, voalohany indrindra dia nanomboka niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: "Tandremo ny masirasiran'ireo Fariseo, izay fiatsarambelatsihy. <sup>2</sup> Fa tsy misy takona izay tsy haseho, ary tsy misy miafina izay tsy ho fantatra. <sup>3</sup> Ka na inona na inona nolazainareo tao amin'ny haizina dia ho re ao amin'ny fahazavana, ary izay nolazainareo teo an-tsofina tao anaty efitrano dia hambara eny an-tampon-trano. <sup>4</sup> Milaza aminareo Aho ry namako, aza matahotra ireo izay mamono ny tena, ary aorian'izany dia tsy misy na inona na inona azony atao intsony. <sup>5</sup> Fa hampitandrina anareo Aho ny amin'izay hatahorana. Matahora ilay Iray izay, izay rehefa avy mamono, dia manana ny fahefana ny hanary anareo any amin'ny helo. Eny, miteny aminareo aho, matahora Azy. <sup>6</sup> Tsy amidy farantsa kely roa ve ny tsintsina dimy? Kanefa tsy misy iray amin'ireny izay adino eo imason'Andriamanitra. <sup>7</sup> Fa na ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Aza matahotra. Fa manan-danja mihoatra nohon'ny tsintsina maro ianareo. <sup>8</sup> Hoy Aho aminareo, izay rehetra manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, ny Zanak'Olonahy koa dia hanaiky azy eo anatrehan'ireo anjelin'Andriamanitra, <sup>9</sup> fa izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona dia ho lavina eo anatrehan'ireo anjelin'Andriamanitra. <sup>10</sup> Izay rehetra miteny manohitra ny Zanak'Olonahy, dia ho avela aminy izany, fa izay rehetra miteny ratsy manohitra ny Fanahy Masina kosa, dia tsy ho voavela izany. <sup>11</sup> Rehefa mitondra anareo eo anatrehan'ny synagoga, ireo mpanapaka, sy ireo manam-pahefana izy ireo, dia aza manahy ny amin'izay ho fomba fiteninareo ho fiarovan-tenanareo, na izay ho lazainareo, <sup>12</sup> satria ny Fanahy Masina no hampianatra anareo izay tokony ho lazainareo amin'izany ora izany." <sup>13</sup> Avy eo nisy olona iray avy tao amin'ireo vahoaka niteny taminy hoe: "Ry mpampianatra, teneno ny rahalahiko mba hizara ny lova amiko." <sup>14</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Ralehilahy, iza no nanao Ahy ho mpitsara na mpanelanelana anareo?" <sup>15</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Miambena mba hihazonanareo ny tenanareo lavitra ireo fanirian-dratsy rehetra, satria ny fiainan'olona iray dia tsy miankina amin'ny fitobaky ny fananany." <sup>16</sup> Avy eo Jesosy nanao fanoharana iray tamin'izy ireo, nanao hoe: "Namokatra be ny sahan'ny lehilahy mpanankarena iray, <sup>17</sup> ary nanontany tena izy, niteny hoe: 'Inona no ho ataoko, fa tsy manana toerana hitahirizana ireo vokatry aho?' <sup>18</sup> Hoy izy hoe: 'Izao no ho ataoko. Hazerako ireo trano fitoeram-bokatro dia hanangana lehibe kokoa aho, ary ao amin'ireo no hanangonako ny voako sy ireo vokatry hafa. <sup>19</sup> Dia hiteny amin'ny fanahiko aho hoe: 'Ry fanahy, ianao dia manana vokatry betsaka voatahiry ho amin'ny taona maro. Mitsahara tsara, mihinàna, misotroa, mifalia.'" <sup>20</sup> Fa Andriamanitra niteny taminy hoe: 'Ralehilahy adala, androany alina ny fanahinao no halaina aminao, ka ireo zavatra izay nomaninao, ho an'iza ireo?' <sup>21</sup> Izany ny olona izay manangona harena ho an'ny tenany ary tsy manan-karena manoloana an'Andriamanitra." <sup>22</sup> Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Noho izany dia lazaiko aminareo, aza manahy ny amin'ny ainareo- izay ho haninareo, na ny momban'ny tenanareo- izay ho tafinareo. <sup>23</sup> Fa ny aina dia mihoatra noho ny sakafo, ary ny tena dia mihoatra noho ireo fitafiana. <sup>24</sup> Hevero ny goaika, tsy mamafy ireny na mijinja. Tsy manana fitoeram-bokatro ireny na trano fitahirizana, kanefa omen'Andriamanitra hanina ireny. Tahaka ny ahoana ny fihorianareo lanja mihoatra noho ireo vorona! <sup>25</sup> Iza aminareo no afaka manampy hakiho iray ny andro iainany amin'ny fanahiana? <sup>26</sup> Koa raha izany zavatra kely indrindra izany aza tsy ainareo atao, nahoana ianareo no miahiahy ny amin'ny sisa? <sup>27</sup> Hevero ireo lilia\_ manao ahoana ny faniriny. Tsy miasa izy ireny, na mamoly. Kanefa lazaiko aminareo, na Solomona tamin'ny voninahiny manontolo aza tsy nitafy tahaka ny iray tamin'ireny. <sup>28</sup> Raha tafian'Andriamanitra tahaka izany ireo ahitra eny an-tsaha, izay eo androany, ary ny ampitso dia ariana anaty fatana, toy ny ahoana ny hanafiany anareo mihoatra lavitra noho izany, ianareo ry kely finoana o! <sup>29</sup> Aza mitady izay ho haninareo sy izay ho sotroinareo, ary aza miahiahy. <sup>30</sup> Fa ireo firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao ireo dia mitady ireny zavatra ireny, ary fantatry ny Rainareo fa mila ireny ianareo. <sup>31</sup> Fa katsaho ny fanjakany, dia homena ho fanampiny ho anareo ireny zavatra ireny. <sup>32</sup> Aza matahotra, ry andrian'ondry vitsy, satria ny Rainareo dia tena faly ny hanome anareo ny fanjakana. <sup>33</sup> Amidio ireo fanananareo ary omeo ny mahantra. Manaova fitoeram-bola ho an'ny tenanareo izay tsy mety ho tonta\_ harena any an-danitra izay tsy mety lany, izay tsy misy mpangalatra manakaiky, ary tsy misy kalalao manimba. <sup>34</sup> Fa any amin'izay hitoeran'ny harenareo, dia ho any ihany koa ny fonareo. <sup>35</sup> Aoka ny akanjo lavanareo ho hasikinareo ny valahanareo, ary aoka ny jironareo hirehitra hatrany, <sup>36</sup> ary manaova tahaka ireo olona izay miandry ireo tompony hiverina avy any amin'ny lanonam-pampakaram-bady, mba rehefa tonga izy ka mandondona, dia ho afaka hanokatra ny varavarana ho azy avy hatrany izy ireo. <sup>37</sup> Sambatra ireo mpanompo, izay hitan'ny tompony fa niambina rehefa tonga izy. Lazaiko marina aminareo, fa hisikina ny lamba lavany amin'ny valahany izy, ary hampipetraka azy ireo eo an-databatra, ka ho avy izy ary hanompo azy ireo. <sup>38</sup> Raha ho avy amin'ny ora faharoa amin'ny alina ny tompo, na amin'ny ora fahatelo

a, ka mahita azy ireo vonona, dia ho sambatra ireo mpanompo ireo. <sup>39</sup> Ho fanampin'izany dia fantaro izao, fa raha fantatry ny tompon-trano ny ora hatongavan'ny mpangalatra, dia tsy namela ny tranony ho vakiana izy. <sup>40</sup> Mivonona ihany koa, fa tsy fantatrarao ny ora hiavian'ny Zanak'Olona." <sup>41</sup> Petera niteny hoe: "Tompo ô, aminay ihany ve no itenenanao izany fanoharana izany, sa amin'ny olon-drehetra ihany koa?" <sup>42</sup> Ny Tompo niteny hoe: "Iza ary no mpitantana mahatoky sy hendry izay ho tendren'ny tompony ho ambonin'ireo mpanompony hafa mba hanome azy ireo ny anjara hanin'izy ireo amin'ny fotoana mety?" <sup>43</sup> Sambatra izany mpanompo izany, izay hitan'ny tompony manao izany rehefa tonga izy. <sup>44</sup> Lazaiko marina aminareo fa ho tendreny hanapaka ny fananany rehetra izy. <sup>45</sup> Fa raha miteny ao am-pony izany mpanompo izany hoe: 'Nahemotry ny tompoko ny fiverenany,' ka manomboka mamono ireo mpanompo lahy sy vavy, ary mihinana sy misotro, ka lasa mamono, <sup>46</sup> ny tompon'izany mpanompo izany dia ho avy amin'ny andro tsy ampoiziny, ary amin'ny ora tsy fantany, ary hanapata-paka azy ka hanomana toerana ho azy miaraka amin'ireo tsy mahatoky. <sup>47</sup> Izany mpanompo izany, nahafantatra ny sitrapon'ny tompony, kanefa tsy niomana na nanao araka ny sitrapony, dia ho kapohina amin'ny fikapohana maro. <sup>48</sup> Fa izay tsy nahafantatra ary nanao izay mendrika ahazoana kapoka kosa, dia ho kapohina amin'ny fikapohana kely. Fa ireo rehetra izay nomena be, dia ho be kokoa no ho takiana aminy, ary ireo izay nanankinana be, dia ho be lavitra aza no hangatahina aminy. <sup>49</sup> Tonga Aho hanipy afo eny ambonin'ny tany, ary toy ny ahoana ny faniriako mba hirehetan'izany sahady. <sup>50</sup> Fa manana fanaovam-batista mba hanaovana batista aho, ary toy ny ahoana ny fahoriako mandra-pahatanterak'izany! <sup>51</sup> Mihevitra ve ianareo fa tonga Aho mba hitondra fiadanana eto an-tany? Tsia, milaza aminareo aho, fa fisarahana aza. <sup>52</sup> Manomboka izao dia hisy dimy ao amin'ny trano iray izay hisaratsaraka\_ olona telo manohitra ny roa, ary olona roa manohitra ny telo. <sup>53</sup> Hisaratsaraka izy ireo, ny ray hanohitra ny zanaka lahy, ary ny zanaka lahy hanohitra ny ray; ny reny hanohitra ny zanaka vavy ary ny zanaka vavy hanohitra ny reny; ny rafozam-bavy hanohitra ny vinanto vavy, ary ny vinanto vavy hanohitra ny rafozam-bavy." <sup>54</sup> Niteny tamin'ireo vahoaka koa Jesosy hoe: "Rehefa mahita rahona miforona eny andrefana ianareo, dia hoy avy hatrany ianareo hoe: 'Hisy ranon'orana ho avy,' ary dia mitranga izany. <sup>55</sup> Rehefa misy rivotra mitsoka avy any atsimo, dia hoy ianareo hoe: 'Hisy hafanana be ho avy,' ary mitranga izany. <sup>56</sup> Ry mpihatsaravelatsihy, hainareo ny mandika ny toetoetry ny tany sy ny lanitra, fa ahoana no tsy ahaizanareo mamantatra izao andro ankehitriny izao? <sup>57</sup> Nahoana ianareo no tsy mitsara izay marina ho an'ny tenanareo? <sup>58</sup> Fa rehefa mandeha miaraka amin'ny mpifanandrina aminareo eo anatrehan'ny mpitsara ambony ianareo, eny andalana dia miezaha handamina ny olona miaraka aminy mba tsy handehanany handrirotra anareo eo amin'ny mpitsara, ary mba tsy hanoloran'ny mpitsara anareo any amin'ny mpamatotra, ary mba tsy handefasan'ny mpamatotra anareo any am-ponja. <sup>59</sup> Hoy aho aminareo, tsy ho tafavoaka ao mihitsy ianareo mandra-pandoanareo ny vola farany izay madinika indrindra."

## Luke 12:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Jesosy manomboka mampianatra ireo mpianany manoloanan'ny olona arivo.

### Tamin'izany

"Tamin'izy ireo nanao izany"

### rehefa niara-niangona ny vahoaka an'arivony maro ... nifanitsa-kitro izy ireo

Ity dia fampahafantarana amin'ny ankapobeny izay milaza ny fizotry ny tantara.

### vahoaka an'arivony maro

"vahoaka maro be"

### nifanitsa-kitro izy ireo

Ity dia fanatomboana resaka mba hilazana ny habetsaky ny vahoaka teo. DH: "nifanitsaka izy ireo"

### voalohany indrindra dia nanomboka niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe

"Nanomboka niresaka tamin'ireo mpianany aloha Jesosy, ary niteny tamin'izy ireo"

### Tandremo ny masirasiran'ireo Fariseo, izay fiatsarambelatsihy

Toy ny hiparitahan'ny masirasira amin'ny vonga-mofo koba manontolo, no niparitahan'ny fiatsarambelatsihin'izy ireo tamin'ny fiaraha-monina iray manontolo. DH: "Ambeno amin'ny fiatsarambelatsihin'ireo Fariseo izay toy ny masirasira ny tenanareo" na "Mitandrema mba tsy ho lasa mpiatsaravelatsihy tahaka an'ireo Fariseo. Ny fitondran-tena ratsin'izy ireo dia misarika ny olona toy ny fiantraikan'ny masirasira amin'ny vonga-mofo koba."

## Luke 12:2

### Fa tsy misy

Ny teny hoe "fa" dia mampifandray ity andininy ity amin'ilay andininy teo aloha momban'ny fiatsarambelatsihin'ireo Fariseo.

**Fa tsy misy takona izay tsy aseho**

"ny zavatra rehetra izay miafina dia ho asdeho."  
DH: "ho hitan'ny olona ny momba ireo zavatra rehetra izay hataon'ny olona miafina"

**tsy misy miafina izay tsy ho fantatra**

Ity dia mitovy dika amin'ilay teo aloha ihany mba hanamafisana ny fahamarinan'izany. DH: "ny olona dia hianatra momba ireo zavatra rehetra izay ezahan'ny olona hafenina"

**ho re ao amin'ny fahazavana**

DH: "ho ren'ny olona ao amin'ny fahazavana"

**nolazaina teo an-tsofina**

DH: "nobitsihina tamin'olon-kafa"

**tao amin'ny efi-trano anaty**

"tao amin'ny efi-trano mihidy." Ity dia maneho resaka manokana. DH: "tao amin'ny mangingina" na "niafina"

**hambara**

"ho lazaina amin'ny feo mafy." DH: "ho hambaran'ny olona"

**an-tampon-trano**

Ny trano any Isiraely dia manana tafo fisaka, ka afaka miakatra eny ny olona ary mitsangana eo an-tampony. Afaka atao koa hoe "eny amin'ny toerana avo izay afahan'ny olona rehetra maheno tsara."

**Luke 12:4****Milaza amino Aho ry namako**

Jesosy mamerina miresaka amin'ireo mpianany mba hanamarihana fiovana amin'ny fanambarany mankany amin'ny lohahevitra vaovao, ary izany, dia miresaka momban'ny tsy tokony hatahorana.

**tsy misy na inona na inona azony atao intsony**

"tsy afaka hanao ratsy betsaka intsony izy ireo" na "tsy afaka handratra anao betsaka intsony izy ireo"

**Matahora Ilay iray izay**

Ny hoe "ilay iray" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Matahora an'Andriamanitra izay" na "Matahora an'Andriamanitra, satria"

**izay rehefa avy mamono**

"rehefa avy mamono anao" na "rehefa avy mamono olona"

**manana fahefana ny hanary anareo any amin'ny helo**

Ity dia fanambarana ankapobeny momban'ny fahefan'Andriamanitra hitsara olona. Tsy midika hoe hitranga amin'ireo mpianatra izany. DH: "manana fahefana hanipy ny olona any amin'ny helo"

**Luke 12:6****Tsy hamidy farantsa kely roa ve ny tsintsina dimy?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpianatra. DH: "fantatrareo fa ny tsintsina dimy dia hamidy farantsa kely roa fotsiny"

**tsy misy iray amin'ireny izay adino eo imason' Andriamanitra**

DH: "Andriamanitra dia tsy manadino ireny mihintsy"

**fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa**

DH: "Fantatr'Andriamanitra na dia ny isan'ny volo ao an-dohantsika aza."

**Aza matahotra**

Tsy nolazaina ny anton'ilay tahotra. Ireo dika azo atao: 1) "aza manahy izay mety hitranga aminao" na 2) "noho izany aza matahotra ny olona izay mety handratra anao"

**manan-danja mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo**

"mendrika kokoa amin'Andriamanitra ianareo noho ny tsintsina maro"

**Luke 12:8****Hoy Aho aminareo**

Jesosy mamerina miresaka amin'ny mpihaino mba hanamarihana fiovana amin'ny fanambarany mankany amin'ny lohahevitra vaovao, izany dia, miresaka momban'ny fanekena.

**izay rehetra manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona**

DH: "na iza na iza milaza amin'ny olona fa mpianatro izy" na "na iza na iza manaiky manoloana ny hafa fa tsy mivadika Amiko Izy"

**Zanak'Olon**

Jesosy naneho ny tenany ihany. DH: "Izaho, Zanak'Olon"

**izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona**

DH: "na iza na iza mandà hiaiky amin'ny hafa fa mpianatro Izy" na "raha misy mandà hilaza fa tsy mivadika amiko izy"

**dia ho lavina**

DH: "ho lavin'ny Zanak'Olon izy" na "ho laviko hoe mpianatro izy"

**Izay rehetra miteny manohitra ny Zanak'Olon**

"Izay rehetra milaza zavatra ratsy momban'ny Zanak'Olon"

**ho avela aminy izany**

"ho avela izy." DH: "Ho avelan'Andriamanitra amin'izany izy"

**miteny ratsy manohitra ny Fanahy Masina**

"miteny ratsy amin'ny Fanahy Masina"

**dia tsy ho voavela izany**

DH: "Tsy hamela azy Andriamanitra." Rehefa tsy mamela olona ny olona iray, dia midika izany fa raisiny ho meloka izy. DH: "Ho raisin' Andriamanitra meloka mandrakizay izy"

**Luke 12:11****Rehefa mitondra anareo izy ireo**

Tsy voalaza hoe iza no mitondra azy ireo any amin'ny fitsarana.

**eo anatrehan'ny synagoga**

"ao amin'ny synagoga mba hametra-panontaniana anareo manoloana ireo mpitarika fivavahana."

**ireo mpanapaka, ireo manam-pahefana**

Mety ilaina ny manambatra ireo ao anaty fanambarana iray. DH: "olona hafa izay manana hery ao amin'ny tanàna."

**amin'izany ora izany**

"amin'izany fotoana izany" na "avy eo"

**Luke 12:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia fihatoana amin'ny fampianaran'i Jesosy. Misy lehilahy iray mangataka amin'i Jesosy mba hanao zavatra ary mamaly azy Jesosy.

**hizara ny lova miaraka amiko**

Ny lova dia avy amin'ny ray amin'izany kolontsaina izany. DH: "zarao amiko ny fananan'ny raiko"

**Ralehilahy**

Ireo dika azo lazaina: 1) Ity dia fomba tsotra hiresahana amin'ny vahiny na 2) Jesosy miteny mafy ilay lehilahy. Ny fitenin'ny dia mety manana fomba iray hiresahana amin'ny olona.

**iza no manao Ahy ho mpitsara na mpanelanelana anareo?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ilay lehilahy. DH: "Tsy mpitsara na mpanelanelana anareo Aho."

**Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe**

Ny teny hoe "izy ireo" eto dia mety maneho ny vahoaka manontolo. DH: "Ary Jesosy niteny tamin'ny vahoaka hoe"

**hihazonanareo ny tenanareo lavitra ireo fanirian-dratsy rehetra**

"ambeno amin'ny endrika fanirian-dratsy rehetra ny tenanareo." DH: "aza avela hitia fanan-javatra ny tenanareo"

**fiainan'olona iray**

Ity dia fanambarana ankapoben'ny zava-misy. Tsy maneho olona iray manokana.

**fitobaky ny fananany**

"firy ny zavatra ananany"

**Luke 12:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy ny fampianarany amin'ny filazana fanoharana.

**Avy eo Jesosy nanao fanoharanan tamin'izy ireo**

Jesosy dia mety mbola niresaka tamin'ny vahoaka iray manontolo.

**namokatra be**

"namokatra vokatra tsara"

**Inona no ho ataoko, fa tsy manana toerana hitahirizana ireo vokatro aho?**

Ity fanontaniana ity dia manome taratra izay noeritreritin'ilay lehilahy. DH: "Tsy fantatro izay hatao, satria tsy manana toerana lehibe ampy hitahirizana ny vokatro rehetra aho!"

**hiteny amin'ny fanahiko aho**

"hiteny amin'ny tenako"

**Ry fanahy, ianao dia manana**

Ilay lehilahy dia miresaka amin'ny tenany. DH: "Izaho dia manana"

**Luke 12:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy milaza ny fomba hamalian' Andriamanitra ilay lehilahy manan-karena, rehefa avy nilaza ny fanoharan'ny Izy.

**androany alina ny fanahinao no halaina aminao**

Ny "fanahy" dia maneho ny fiainan'olona iray. DH: "'ho faty rahalina ianao" na "halaiko aminao rahalina ny ainao"

**ireo zavatra izay nomaninao, ho an'iza ireo?**

"iza no hahazo ireo notahirizinao?" na "iza no hahazo izay nomaninao?" Andriamanitra mampiasa fanontaniana mba hafantaran'ilay lehilahy fa tsy hitazona ireo zavatra ireo intsony izy. DH: "ireo zavatra izay nomaninao dia ho lasa an'olona hafa!"

**manangona harena**

"mitahiry zava-tsarobidy"

**tsy manan-karena**

"mahantra"

**manoloana an'Andriamanitra**

Ny tiana hambara dia hoe ity olona ity dia tsy niraharaha ireo zavatra izay manan-danja amin' Andriamanitra, na hoe ho valian'Andriamanitra soa. DH: "amin'ny fomba fijerin'Andriamanitra" na "'amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra"

**Luke 12:22**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Jesosy manohy mampianatra ireo mpianany manoloana ireo vahoaka.

**Noho izany**

"Noho izany antony izany" na "Noho izay hampianarin'ity tantara ity"

**lazaiko aminareo**

"te-hilaza zavatra lehibe aminareo Aho" na "mila anareo mihaino tsara ity aho"

**ny amin'ny ainareo \_ ny amin'izay ho haninareo**

"ny amin'ny ainareo sy izay ho haninareo" na "ny amin'ny fananana sakafo mba hiainana"

**ny momban'ny tenanareo--izay ho tafianareo**

"momban'ny tenanareo sy izay ho haninareo" na "momban'ny fananana fitafy mba ho tafiana"

**Fa ny aina dia mihoatra nohon'ny sakafo**

DH: "ny aina dia manan-danja kokoa noho ny sakafo haninareo"

**ny tena dia mihoatra noho ireo fitafiana**

DH: "ny vatanareo dia manan-danja mihoatra noho ireo fitafiana hanaovanao"

**Luke 12:24****goaika**

Ity dia maneho ny 1) karazana vorona izay mihinana voa ny ankamaroany, na 2) karazana vorona izay mihinana ny nofon'ny biby efa maty. Ny mpihainon'i Jesosy dia nandray ny goaika ho tsy mendrika hatramin'ny tsy nafahan'ny Jiosy nihinana izany karazam-borona izany intsony.

**fitoeram-bokatra na trano fitahirizana**

Ireo dia toerana izay hitahirizana sakafo

**Tahaka ny ahoana ny fihoraranareo lanja mihoatra noho ireo vorona**

Jesosy manamafy ny zava-misy fa ny olona dia manan-danja kokoa amin'Andriamanitra noho ireo vorona.

**Iza aminareo ... fanahiana?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpianany. DH: "Tsy misy afaka manitatra ny andro hiainany amin'ny fanahiana ianareo!"

**manampy hakiho iray**

Ity dia sariteny satria ny hakiho dia fandrefesana halavana, fa tsy fotoana.

**Koa raha izany ... ny amin'ny sisa?**

Jesosy mampiasa fanontaniana iray hafa mba hampianarana ireo mpianany. DH: "Satria ianareo tsy afaka manao na dia ity zavatra kely ity aza, dia tokony tsy hiahiahy ireo zavatra hafa ianareo"

**Luke 12:27**

**hevero ireo lilia manao ahoana ny faniriny**  
"eritrereto ny fomba fitombon'ny lilia"

**lilia**

Ny lilia dia voninkazo mahafinaritra izay maniry eny an-tsaha. Raha tsy manana teny ho an'ny lilia ny fiteninao, dia afaka mampiasa anarana voninkazo hafa ianao na adikao fotsiny hoe "voninkazo"

**na mamoly**

Ny dinagana fanaovana kofehy ho an'ny akanjo dia antsoina hoe "mamoly." DH: "tsy manao kofehy izy ireo mba hanaovana akanjo"

**Solomona tamin'ny voninahiny manontolo**

"Solomona izay nanan-karena" na "Solomona izay nitafy ankajo soa"

**Raha tafian'Andriamanitra tahaka izany ireo ahitra eny an-tsaha**

"Rah omen'Andriamanitra akanjo soa tahaka izany ireo ahitra eny an-tsaha" DH: "Raha ataon'Andriamanitra mahafinaritra tahaka izany ireo ahitra eny an-tsaha"

**ariana any anaty fatana**

DH: "atsipin'ny olona ao anaty fatana izany"

**toy ny ahoana ny hanafiany anareo mihoatra lavitra noho izany**

Ity dia fanamafisana fa tsy fanontaniana. Jesosy manamafy fa hiahhy tsara ny olona Izy ary tsara lavitra noho ny ataony amin'ny ahitra aza. DH: "Hampitafiany tsara lavitra aza ianareo"

**Luke 12:29****Aza mitady izay ho haninareo sy ho sotroinareo**

"Aza mifantoka amin'izay ho haninareo sy ho sotroinareo"

**ireo firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao**

Eto ny "firenena" dia maneho ireo "tsy mpino." DH: "ireo olona avy amin'ny firenena hafa" na "ireo tsy mpino eran-tany"

**ny Rainareo**

Ity dia fiantsoana lehibe an'Andriamanitra.

**Luke 12:31****katsaho ny fanjakany**

"mifantoha amin'ny fanjakan'Andriamanitra" na "Irio ny fanjakan'Andriamanitra"

**homena ho fanampiny ho anareo ireny zavatra ireny**

"homena anareo ihany koa ireny zavatra ireny." Ny hoe "Ireny zavatra ireny" dia maneho ny sakafo sy akanjo. DH: "Homen'Andriamanitra anareo ireny zavatra ireny"

**andian'ondry vitsy**

Jesosy dia niantso ireo mpianany hoe andian'ondry. Ny andian'ondry dia vondron'ondry na osy izay karakarin'ny mpiandry ondry. Toy ny hikorakaran'ny mpiandry ondry ireo ondriny, no hikorakaran'Andriamanitra ireo mpianatr'i Jesosy. DH: "vondrona kely"

**ny Rainareo**

Ity dia fiantsoana lehibe an'Andriamanitra.

**Luke 12:33****omeo ny mahantra**

Mety hanampy ny filazana izay raisin'izy ireo. DH: "omeo ny olona mahantra ny vola azonareo avy amin'ny varotana"

**Manaova fitoeram-bola ho an'ny tenanareo ... harena any an-danitra**

Ny fitoeram-bola sy harena any an-danitra dia zavatra mitovy ihany. Samy maneho ny fitahian'Andriamanitra any an-danitra izany.

**Manaova fitoeram-bola ho an'ny tenanareo**

Ity no vokatry ny fanomezana ny mahantra, DH: "amin'izany dia hanao fitoeram-bola ho an'ny tenanareo ianareo"

**fitoeram-bola izay tsy mety ho tonta**

"kitapo fitoeram-bola izay tsy misy lavaka amin'izany"

**izay tsy mety lany**

"izay tsy mety mihena"

**tsy misy mpangalatra manakaiky**

"tsy manatona akaiky ireo mpangalatra"

**tsy misy kalalao manimba**

"tsy simbain'ny kalalao"

**kalalao**

Ny "kalalao" dia biby kely izay mandavaka lamba. Mety mila mampiasa biby hafa ianao, toy ny hoe vitsika na vitsikazo.

**any amin'izay hitoeran'ny harenareo, dia ho any ihany koa ny fonareo**

"ny fonareo dia hifantoka amin'izay hitahirizanareo ny harenareo"

**ny fonareo**

Eto ny "fo" dia maneho ny eritreritrin'ny olona iray.

**Luke 12:35****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka milaza fanoharana.

**Aoka ny akanjo lavanareo ho hasikinareo ny valahanareo**

Ny olona dia nanao akanjo lava mitopatopa. Nosikinan'izy ireo teny am-balahany izany mba tsy

hiravoravo amin'ny tany rehefa miasa izy ireo. DH: "'Sikino eo am-balahanareo ny akanjonareo mba ho vonona hanompo ianareo"

**aoka ny jironareo hirehitra hatrany**

DH: "avelao hirehitra foana ny jironareo"

**manaova tahaka ireo olona izay miandry ireo tompony**

Ity dia mampitaha ireo mpianatra vonona hiandry ny fiverenan'i Jesosy amin'ireo mpanompo izay vonona hiandry ny tompony.

**hiverina avy any amin'ny lanonam-pampakaram-bady**

"hiverina ao an-trano avy any amin'ny lanonam-pampakaram-bady"

**hanokatra ny varavarana ho azy**

Ity dia maneho ny varavaran'ny tranon'ilay tompo. Andraikitry ny mpanompony ny mamoha ho azy.

**Luke 12:37**

**izay hitan'ny tompony fa niambina rehefa tonga izy**  
"izay vonona rehefa miverina ny tompo"

**hisikina ny lamba lavany amin'ny valahany izy, ary hampipetraka azy ireo**

Satria ireo mpanompo dia nahatoky sy vonona hanompo ny tompon'izy ireo, dia hanome valisoa azy ireo izao ny tompony tamin'ny fanompoana azy.

**amin'ny ora faharoa amin'ny alina**

Ny ora faharoa amin'ny alina dia eo anelanelan'ny amin'ny 9:00 ariva sy misasak'alina. DH: "mialohan'ny misasak'alina"

**na amin'ny ora fahatelo aza**

Ny ora fahatelo dia manomboka amin'ny misasak'alina ka hatramin'ny amin'ny 3:00 maraina. DH: "na raha tonga tara izy"

**Luke 12:39****Ho fanampin'izany dia fantaro izao**

"ankoatra izay, fantaro koa izao" na "Fa tsy maintsy tadidinareo koa"

**tsy namela ny tranony ho vakiana izy**

DH: "tsy namela ilay mpangalatra hamaky ny tranony izy"

**fa tsy fantatrareo ny ora hiavian'ny Zanak'Olon**

Ny fitoviana misy eo amin'ny mpangalatra sy Zanak'Olon dia ny hoe tsy fantatry ny olona izay hiavian'ireo, ka mila vonona.

**tsy fantatrareo ny ora hiaviana**

"tsy fantatrareo hoe amin'ny firy"

**hiavian'ny Zanak'Olon**

Jesosy miresaka momban'ny tenany ihany. DH: "Rehefa ho avy, Izaho, Zanak'Olon"

**Luke 12:41****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ao amin'ny andininy faha 42, dia manomboka miteny fanoharana hafa Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 41, dia misy fihatoana ao amin'ny andalan-tantara raha manontany fanontaniana an'i Jesosy momban'ilay fanoharana teo aloha Petera.

**Iza ary no ... amin'ny fotoana mety?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hamaliana an-kolaka ny fanontanian'i Petera. Nanantena ireo te-ho mpitantana mahatoky Izy mba hahazo fa ilay fanoharana dia momban'izy ireo.

**mpitantana mahatoky sy hendry**

Jesosy miteny fanoharana hafa momban'ny tokony hapa-olo-mahatoky ireo mpanompo eo ampiandrasana ny tompon'izy ireo hiverina.

**izay ho tendren'ny tompony ho ambonin'ireo mpanompony hafa**

"izay hampiandraiketin'ny tompony ireo mpanompony hafa"

**Sambatra izany mpanompo izany**

"ahoana ny hatsaran'izany ho an'izany mpanompo izany"

**izay hitan'ny tompony manao izany rehefa tonga izy**  
"raha hitan'ny tompony manao izany asa izany izy rehefa miverina ny tompony"

**Lazaiko marina aminareo**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe tokony hifantoka amin'izay ho lazaina eo izy ireo.

**ho tendreny hanapaka ny fananany rehetra izy**  
"hametraka azy hiandraikitra ny fananany rehetra"

**Luke 12:45****izany mpanompo izany**

Ity dia maneho ny mpanompo izay napetraky ny tompo hiandraikitra ireo mpanompo hafa.

**miteny ao am-pony**

Ny "fo" eto dia maneho ny olona.

**Nahemotry ny tompo ny fiverenany**  
"tsy hiverina vetivety ny tompoko"

**mpanompo lahy sy vavy**

Ireo teny izay hadika eto hoe "mpanompo lahy sy vavy" dia nadika toy ny "tovolahy" sy "tovovavy." Mety manondro izany hoe tanora ireo mpanompo na malala eo imason'ny tompon'izy ireo.

**amin'ny andro tsy ampoiziny**  
"rehefa tsy ampoizin'ny mpanompony"

**amin'ny ora tsy fantany**

"amin'ny ora tsy anampoizany azy"

**hanapatapaka azy ka hanomana toerana ho azy miaraka amin'ireo tsy mahatoky**

Ity dia mamaritra ny fomba hanamelohana ilay mpanompo sy handevenana azy ho fanasaziana.

**Luke 12:47****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fitenenan'i Jesosy ilay fanoharana

**sitrapon'ny tompony**

"inona no tian'ny tompony ho ataony"

**ho kapohina amin'ny fikapohana maro**

"ho kapohina im-betsaka" DH: "ny tompony dia hikapoka azy im-betsaka" na "hanasazy mafy azy ny tompony"

**fikapohana maro ... fikapohana kely**

Sampy voasazy ireo mpanompo, fa ireto fehezanteny ireto dia mampiseho fa izay mpanompo ninia tsy nankàtoa ny tompony dia voasazy mafy kokoa noho ny mpanompo hafa.

**Fa ireo rehetra izay nanome be, dia ho be kokoa no ho takiana aminy**

DH: "Hitaky bebe kokoa amin'ireo izay nahazo be izy ireo" na "Ny tompo dia hitaky bebe kokoa amin'ireo rehetra izay nomeny be"

**ireo izay ... be, dia ho be lavitra aza no hangatahina aminy**

DH: "ny tompo dia hangataka betsaka kokoa aza amin'izay ... be" na "ny tompo dia hitaky betsaka kokoa aza amin'izay ... be"

**ireo izay nanankinana be**

DH: "izay nomen'ny tompo fanana be ho karakaraina" na "izay nomen'ny tompo andraikitra bebe kokoa"

**Luke 12:49****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy mampianatra ireo mpianany

**Tonga Aho hanipy afo eny ambonin'ny tany**

"Tonga hanipy afo eny ambonin'ny tany Aho" na "tong ahandrehitr'afo ny eny ambony tany Aho." Ireo dika azo atao: 1) tonga hitsara ny olona Jesosy na 2) tonga hanadio ireo mpino Jesosy

**ary toy ny ahoana ny faniriako mba irehetan'izany sahad**

DH: "Maniry mafy aho mba hirehitra sahad izany"

**Fa manana fanaovana batisa mba hanaovana batisa aho**

Eto ny "batisa" dia maneho fa Jesosy dia tsy maintsy hijaly. Toy ny andrakofan'ny rano ny olona amin'ny batisa, no handrakofan'ny fijaliana an'i Jesosy. DH:



"Tsy maintsy voarakotry ny fijaliana Aho toy ny olona atao batisa voarakotra rano"

**fa**

Ny teny "fa" dia nampiasaina mba hampisehoana fa tsy afaka hanipy afo eny amin'ny tany Izy mandra-pandehany amin'ny batisany.

**toy ny ahoana ny fahoriako mandra-pahatanterak'izany**  
DH: "ory tanteraka aho ary izany dia mandra-pahatanterako ity batisan'ny fijaliana ity"

### **Luke 12:51**

**Mihevitra ve ianareo fa tonga Aho mba hitondra fiadanana eto an-tany?**

Ny olona nanantena ny Messia hitondra fiadanana ho azy ireo amin'ireo fahavalony. Mbola tsy hanao izany aloha Jesosy izao. DH: "Tsy tokony hieritreritra ianareo hoe tonga hitondra fiadanana eto an-tany Aho"

**fa fisarahana aza**

"fa tonga hitondra fisarahana aho" na "ny olona dia hizarazara satria tonga Aho"

**fisarahana**

"fanoherana" na "'fifandirana"

**hisy dimy ao amin'ny trano iray izay hisaratsaraka**

Ity dia ohatra amin'ny karazana fizarazarana izay hisy eo amin'ny fianakaviana.

**hisy dimy ao amin'ny trano iray**

Mety hanampy ny filazana fa maneho ny olona ity. DH: "hisy olona dimy ao amin'ny trano iray"

**hanohitra**

"Mety hanampy ny fampiasana fehezanteny lava isak'ireo fisehoan-javatra ireo. DH: "hisaraka manohitra ny"

### **Luke 12:54**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka miresaka amin'ny vahoaka.

**Rehefa mahita rahona miforona ... mitranga izany**

Ity toe-javatra ity raha ny tena izy dia midika hoe tonga tamin'Isiraely ny orana.

**Hisy ranon'orana ho avy**

"tonga ny orana" na "ho avy ny orana"

**Rehefa misy rivotra mitsoka ... mitranga izany**

Ity toe-javatra ity raha ny tena izy dia midika hoe tonga tamin'Isiraely ny toetr'andro mafana.

**ahoana no tsy ahaizanareo mamantatra izao andro ankehitriny izao?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ny vahoaka. Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanamelohana azy ireo. Azo adika ho fanambarana izany. DH: "tokony ho fantatrareo ny mamantatra ny ankehitriny"

### **Luke 12:57**

**Nahoana ianareo no tsy mitsara izay marina ho an'ny tenanareo?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ny vahoaka. Azo hatao fanambarana izany. DH: "ianareo mihintsy no tokony hamantatra izay marina"

**ho an'ny tenanareo**

"amin'ny fandraisanareo an-tanana manokana"

**Fa rehefa mandeha ... vola farany madinika indrindra**

Ny tiany hatongavana dia hoe izy ireo dia tokony hamaha ireo zavatra izay vitan'izy ireo ny mamaha azy tsy mila mampiditra ny fitsarana ara-panjakana.

**handamina ny olana miaraka aminy**

"mandamina ny olana miaraka amin'ny mpifanandrina aminao"

**tsy hanoloran'ny mpitsara anareo**

"tsy hanome anao any"

**ny vola faran'izay madinika indrindra**

"ny habetsakin'ny vola taviavin'ny mpifanandrina aminao"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Tamin'izany andro izany, nisy olona sasany teo nilaza taminy ny momba ireo Galiliana izay ny ràn'izy ireo no nafangaron'i Pilato tamin'ny sorony manokana. <sup>2</sup> Namaly Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Ianareo ve mieritreritra fa ireo Galiliana ireo dia mpanota mihoatra noho ireo Galiliana hafa rehetra satria nijaly tahaka izany?" <sup>3</sup> Tsia, izaho miteny anareo. Fa raha tsy mibebaka ianareo, ianareo rehetra dia ho faty tahaka izany. <sup>4</sup> Na ireny olona valo ambin'ny folo tao Siloama izay nianjeran'ny tilikambo ka nahafaty azy ireo, mieritreritra ve ianareo fa tena mpanota ratsy mihoatra noho ireo lehilahy hafa tao Jerosalema ireny? <sup>5</sup> Tsia, hoy Aho. Fa ianareo raha tsy mibebaka, ianareo rehetra ihany koa dia ho faty." <sup>6</sup> Jesosy nanao izao fanoharana izao hoe: "Nisy olona nanana hazon'aviavy iray novolena teo amin'ny tanim-boalobony ary tonga izy ary nizaha voankazo teo aminy nefa tsy nahita na inona na inona. <sup>7</sup> Ilay lehilahy dia niteny tamin'ny mpanao zaridaina hoe: 'Indro, tonga teto aho nandritra ny telo taona ary niezaka nitady voa tamin'ity hazo aviavy ity kanefa tsy nahita mihitsy. Kapao io. Nahoana io no avela manimba ny tany?' <sup>8</sup> Namaly ilay mpanao zaridaina ka niteny hoe: 'Avelao ho eo io aloha amin'ity taona ity mandra-pihadiko manodidina azy sy hanasiako zezika eo aminy. <sup>9</sup> Raha mamoa izy amin'ny taona manaraka, tsara; fa raha tsy izany, dia kapao izy!'" <sup>10</sup> Ary Jesosy nampianatra tao amin'ny iray tamin'ny Synagoga nandritry ny Sabata. <sup>11</sup> Indro, nisy vehivavy iray izay nanana ny fanahy ratsin'ny fahalemena nandritry ny valo ambin'ny folo taona teo, ary izy dia nivokoka ary tsy nahavita nijoro tsara. <sup>12</sup> Nony nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka niteny hoe: "Ry vehivavy, afaka amin'ny fahalemena ianao." <sup>13</sup> Napetrany teo aminy ny tanany, ary niaraka tamin'izay dia nitraka ilay vehivavy ary nihoby an'Andriamanitra. <sup>14</sup> Saingy ny mpanapaky ny Synagoga dia tezitra noho ny fanasitranana nataon'i Jesosy tamin'ny Sabata. Noho izany dia namaly ilay mpanapaka ary niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Misy enin'andro izay tokony iasana. Tongava ka sitràna, fa kosa tsy amin'ny andro Sabata." <sup>15</sup> Ny Tompo namaly azy ka niteny hoe: "Ry mpiatsaravelatsihy! Moa ve tsy samy mamaha ny boriky na ny ombiny ao amin'ny valany ianareo ka mitondra izany hisotro rano amin'ny Sabata? <sup>16</sup> Ary toy izany koa ity zanakavavin'i Abrahama, izay voafatotr'i Satana nandritry ny valo ambin'ny folo taona ity, tsy tokony mba ho vahana ve ny fatorany amin'ny andro Sabata?" <sup>17</sup> Ary raha nilaza izany zavatra rehetra izany Izy, dia menatra ireo rehetra izay nanohitra Azy, fa ny vahoaka iray manontolo dia faly noho ireo zavatra rehetra malaza nataony. <sup>18</sup> Ary Jesosy niteny hoe: "Toy ny ahoana ny fanjakan'Andriamanitra, ary toy ny inona no afaka anoharako izany?" <sup>19</sup> Izany dia toy ny voatsinampy izay nalaina sy nafafin'ny lehilahy iray teo an-jaridainany, ka lasa hazo lehibe iray, ary ny voron'ny lanitra dia nanamboatra ny tranony teo amin'ireo rantsany." <sup>20</sup> Mbola niteny ihany Izy hoe: "Inona no afaka hampitahako ny fanjakan'Andriamanitra? <sup>21</sup> Izany dia toy ny masirasira izay nalain'ny vehivavy iray ka nafangarony tamin'ny koba in-telon'ny famarana mandrapiparitahany ao anatin'ny koba rehetra." <sup>22</sup> Jesosy dia nandeha nitety ny tanàna sy ny vohitra tsirairay teny an-dàlana mankany Jerosalema ary nampianatra azy ireo. <sup>23</sup> Nisy anankiray niteny taminy hoe: "Tompo, moa ve vitsy ny olona no ho vonjena?" Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: <sup>24</sup> "Miadia ny hiditra ny varavarana tery ianareo, satria, izaho miteny aminareo, maro no te-hitsofoka, fa tsy ho afaka ny hiditra. <sup>25</sup> Rehefa injay mitsangana ilay tompon-trano ary manidy ny varavarana, dia hijoro ao ivelany eo ianareo ka handondona ny varavarana ary hiteny hoe: 'Tompo, Tompo, ampidiro izahay.' Izy hamaly ka hiteny aminareo hoe: 'Tsy fantatro ianareo na ny fiavianareo.' <sup>26</sup> Ary hiteny ianareo hoe: 'Nihinana sy nisotro teo anoloanao izahay, ary ianao efa nampianatra teny an-dalambenay.' <sup>27</sup> Fa Izy dia hamaly hoe: 'Milaza aminareo aho, tsy fantatro izay fiavianareo. Mialà eto amiko, ianareo mpanao ratsy!' <sup>28</sup> Hisy fitomaniana sy fikitroha-nify rehefa indro ianareo mahita an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, sy ny mpaminany rehetra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, saingy voaroaka any ivelany ianareo. <sup>29</sup> Izy ireo dia ho avy avy any atsinanana, andrefana, avaratra, ary atsimo ka hipetraka eo amin'ny latabaty ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>30</sup> Fantaro izao, ireo izay tsy dia manan-danja no ho voalohany, ary ireo izay tena manan-danja no ho farany." <sup>31</sup> Taoriana kelin'izany, nisy Fariseo sasany tonga ary nilaza taminy hoe: "Mandehana ilaozy ny eto satria Heroda dia te-hamono Anao." <sup>32</sup> Jesosy niteny hoe: "Mandehana ary lazao izany amboahaolo izany hoe: 'Indro, izaho mandroaka demonia sy manao fanasitranana anio sy rahampitso, ary amin'ny andro fahatelo dia ho tratrako ny tanjoko.' <sup>33</sup> Na inona na inona mitranga, zava-dehibe amiko ny manohy anio, rahampitso, sy ny andro manaraka, satria tsy azo ekena ny famonoana ny mpaminany lavitra an'i jerosalema. <sup>34</sup> "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato ireo izay nirahina tany aminareo. Impiry aho no naniry ny hanangona ny zanakareo tahaka ny akoho vavy manangona ny zanany ambany elany, kanefa tsy naniry izany ianareo. <sup>35</sup> Indro, nilaozana ny tranonareo. Izaho dia miteny aminareo, tsy ho hitanareo Aho ambara-pitenenanareo hoe: "Sambatra izay avy amin'ny anaran'ny Tompo.""

**Luke 13:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka manoloana ny vahoaka. Ny olona sasany ao amin'ny vahoaka dia mametraka fanontaniana Azy ary manomboka mamaly izy.

**Tamin'izany andro izany**

Ity fehezanteny ity dia mampifandray ity hetsika ity hatrany amin'ny faran'ny toka faha12 rehefa nampianatra ny vahoaka Jesosy.

**ràn'izy ireo no nafangaron'i Pilato tamin'ny sorony manokana**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'ireo Galiliana. Mety maty tamin'izy ireo nanolotra ny sorony izy ireo.

**ràn'izy ireo no nafangaron'i Pilato**

Pilato dia mety nandidy ireo miaramilany mba hamono ny olona raha tokony ho izy ihany no hanao izany. DH: "izay novonoin'ireo miaramilan'i Pilato"

**Ianareo ve mieritreritra fa ireo Galiliana dia mpanota mihoatra ... tahaka izany?**

"Manaporofa ve izany fa ireo Galiliana dia mpanota mihoatra ... tahaka izany?" Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hijerena ny fahazoan'ny olona. DH: "Ianareo dia mieritreritra fa ireo Galiliana dia mpanota mihoatra ... tahaka izany" na "Aza mieritreritra hoe ireo Galiliana ireo dia mpanotra mihoatra ... tahaka izany"

**Tsia, Izaho miteny anareo**

Eto ny "Izaho miteny anareo" dia manamafy hoe 'tsia." DH: "Izy ireo dia azo antoka fa tsy mpanota mihoatra" na "diso ianareo mieritreritra fa ny fijalian'izy ireo dia manaporofa fa mpanotra mihoatra izy ireo"

**ianareo rehetra dia ho faty tahaka izany**

"ianareo rehetra ihany koa dia ho faty." Ny teny hoe "tahaka izany" dia midika hoe hiaina ny vokatra mitovy izy ireo, fa tsy hoe ho faty mitovy amin'ny nahafatesan'izy ireo.

**Luke 13:4****Na ireny**

Ity dia ohatra faharoan'i Jesosy amin'ny olona izay nijaly. DH: "diniho ireo" na "eritrereto ny momba ireo"

**olona valo ambin'ny folo**

"olona 18"

**Siloama**

Ity dia anaran'ny faritra iray ao Jerosalema.

**mieritreritra ve ianareo fa tena mpanota ratsy ... Jerosalema ireny?**

"manaporofa ve izany fa mpanota kokoa noho ... Jerosalema ireny?" Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hijerena ny fahazoan'ireo olona. DH: "aza mieritreritra hoe mpanota kokoa ... Jerosalema ireny"

**tena mpanota ratsy**

Ireo vahoaka dia nilaza fa maty tamin'izany fomba mahatsiravina izany izy ireo satria tena mpanota indrindra. DH: "maty izy ireo satria tena mpanota ratsy indrindra"

**ireo lehilahy hafa**

"olona hafa." Fiantsoana amin'ny ankapobeny ny olona ity teny ity eto.

**Tsia, hoy Aho**

Ety ny "hoy Aho" dia manamafy hoe "tsia." DH: "Azo antoka fa tsy maty nohon'ny maha-mpanota azy ireo kokoa izy ireo." na "diso ianareo mieritreritra fa ny fijalian'izy ireo dia manaporofa fa mpanota kokoa izy ireo"

**Luke 13:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka milaza fanoharana ny vahoaka mba hanazavana ny fanambarany farany hoe: "fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho faty ihany koa ianareo rehetra"

**Nisy olona nanana hazo aviavy iray novolena teo amin'ny tanim-boalobony**

"Nisy olona nanana tanim-boaloboka ary nisy hazon'aviavy nambolena teo"

**Nahoana io no avela manimba ny tany?**

Ilay lehilahy mampiasa fanontaniana mba hanamafisana fa ilay hazo dia tsy ilaina ary tokony hanapaka izany ny mpikarakara zaridaina. DH: "Aza avela hanimba ny tany io"

**Luke 13:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Vita ny filazan'i Jesosy ny fanoharany. Ity no faran'ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 12:1.

**Avelao ho eo io**

"Aza atao na inona na inona ilay hazo" na "aza tapahana izany"

**hanasiako zezika eo aminy**

"hanasiana zezika eo amin'ilay tany." Manisy zezika ny olona mba hanatsara ilay tany ho an'ny zava-maniry sy hazo.

**Raha mamoa izy amin'ny taona manaraka, tsara**  
Mety hanampy ny filazana izay hitranga. DH: "Raha misy aviavy izany amin'ny taona manaraka, dia afaka avelantsika haniry"

#### **kapao izy**

Nanome soso-kevitra ilay mpanompo; fa tsy nanome baiko ilay tompony. DH: "Teneno aho hanapaka izany" na "ho tapahako izany"

#### **Luke 13:10**

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fizotran'ity fizaran'ny tantara ity sy momban'ilay vehivavy mandringa izay ampi-dirina ao amin'ny tantara.

#### **Ary**

Ity teny ity dia manamarika fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

#### **nandritry ny Sabata**

"amin'ny andron'ny Sabata." Ny fiteny sasany dia manao hoe "Sabata iray" satria tsy fantantsika hoe andro Sabata manokana inona izany.

#### **Indro, nisy vehivavy**

Ny teny hoe "indro" eto dia manaitra antsika ho amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara.

#### **valo ambin'ny folo taona**

"18 taona"

#### **fanahy ratsin'ny fahalemena**

"fanahy ratsy izay nampalemy azy"

#### **Luke 13:12**

##### **Ravehivavy, afaka amin'ny fahalemenao ianao**

"Ravehivavy, sitrana tamin'ny aretinao ianao." DH: "'Ravehivavy, nafahako tamin'ny fahalemenao ianao"

##### **Ravehivavy, afaka amin'ny fahalemenao ianao**

Tamin'ny fitenenana izany, dia nanasitrana azy Jesosy. Noho izany ity dia afaka lazaina amin'ny fehezanteny izay mampiseho fa Izy no nampitranga izany: "Ravehivavy, afahako amin'ny fahalemenao ianao"

#### **Napetrany teo aminy ny tanany**

"nokasihany izy"

#### **nitiraka ilay vehivavy**

DH: "nitsangana izy ary nitiraka"

#### **namaly ary niteny**

"nilaza"

#### **sitràna**

DH: "avelao ho sitranin'ny olona ianao mandritr'ireo enin'andro ireo"

#### **Luke 13:15**

##### **Ny Tompo namaly azy**

"Ny Tompo namaly ilay mpanapaky ny synagoga"

##### **mpiatsaravelatsihy**

Jesosy miresaka mivantana amin'ny mpanapaky ny synagoga, fa ao anatin'izany koa ireo mpanapaka fivavahana hafa. DH: "Ianao sy ireo mpitarika fivavahana namanao dia mpiatsaravelatsihy"

##### **Moa ve tsy samy mamaha ny boriky ... Sabata?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hisainan'izy ireo zavatra izay efa fantatr'izy ireo. DH: "Ianareo dia mamaha ny boriky ... Sabata"

##### **boriky na ombiny**

Ireo dia biby izay karakarin'ny olona amin'ny fanomezana rano azy ireo.

##### **amin'ny andro Sabata**

Ny fiteny sasany dia manao hoe "Sabata iray" satria tsy fantantsika hoe andro Sabata miavaka inona izany.

##### **Zanaka vavin'i Abrahama**

Ity dia fomba fiteny izay midika hoe "taranak'i Abrahama"

##### **izay voafatotri'i Satana**

Jesosy mampitaha ny olona mamatotra biby amin'ny fomba famehezan'i Satana ny vehivavy amin'ity aretina ity. DH: "izay tazomin'i Satana handringa amin'ny aretany" na "izay fatoran'i Satana amin'ny aretina"

##### **tsy tokony mba ho vahana ve ny fatorany amin'ny andro Sabata?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hanamelohana ilay mpanapaky ny synagoga. Jesosy dia miresaka momban'ny aretin'ilay vehivavy toy ny hoe tady izay mamatotra azy izany. DH: "ara-dalàna ny manafaka azy amin'ny fatorany amin'ny andro Sabata"

#### **Luke 13:17**

##### **Raha nilaza izany zavatra izany Izy**

"Rehefa nilaza izany zavatra izany Jesosy"

##### **ireo zavatra malaza rehetra nataony**

"ireo zavatra malaza rehetra nataon'i Jesosy"

#### **Luke 13:18**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka milaza fanoharana amin'ny olona ao amin'ny synagoga.

**Toy ny ahoana ny fanjakan'Andriamanitra, ary inona no afaka hanoharako izany?**

Jesosy mampiasa fanontaniana roa mba hampidirana izay ho ampianariny. DH: "Lazaiko anareo hoe toy ny ahoana ny fanjakan' Andriamanitra, sy izay afaka ampitahako izany"

**inona no afaka hanoharako izany?**

Ity dia mitovy amin'ilay fanontaniana teo aloha ihany. Ny fiteny sasany dia afaka mampiasa ireo fanontaniana roa, fa ny sasany iray ihany no ampiasainy.

**Izany dia toy ny voatsinampy**

Jesosy mampitaha ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny voatsinampy. DH: "Ny fanjakan' Andriamanitra dia toy ny voatsinampy"

**voatsinampy**

Ny voatsinampy dia voa faran'izay kely izay mitombo lasa zava-maniry be. Raha tsy fantatra izany, dia afaka adika fotsiny amin'ny anarana voa hafa na atao tsotra hoe "voa kely"

**nafafy teo an-jaridainany**

"nambolena teo an-jaridainany." Ny olona dia mamboly karazana voa sasany amin'ny famafazana izany mba hiparitaka eo an-jaridaina.

**voron'ny lanitra**

DH: "vorona manidina eny amin'ny habakabaka" na "vorona"

## Luke 13:20

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Vita ny resak'i Jesosy tamin'ny olona tao amin'ny synagoga. Ity no faran'ny fizarana ao amin'ny tantara.

**Inona no afaka hampitahako ny fanjakan' Andriamanitra?**

Jesosy mampiasa fanontaniana hafa mba hampidirana izay ho ampianariny. DH: "Hiteny zavatra iray hafa izay afaka ampitahaiko amin'ny fanjakan'Andriamanitra Aho"

**Izany dia toy ny masirasira**

Jesosy mampitaha ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny masirasira ao amin'ny mofo koba. DH: "Ny fanjakan'Andriamanitra dia toy ny masirasira"

**toy ny masirasira**

Masirasira kely fotsiny no ilaina hampitomboana koba maro be.

**koba in-telon'ny famarana**

Ity dia lafarinina be dia be, satria ny famarana iray avy dia eo amin'ny 13litatra eo.

## Luke 13:22

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Jesosy mamaly fanontaniana amin'ny fampiasana sariteny momban'ny fidirana ny fanjakan' Andriamanitra.

**Jesosy dia nandeha nitety ny tanàna sy ny vohitra tsirairay ... nampianatra azy ireo**

Ity dia fampahafantarana fototra izay milaza ny nataon'i Jesosy rehefa niseho ity hetsika ity.

**moa ve vitsy ny olona no ho vonjena?**

DH: "Olona vitsy ihany ve no ho vonjen' Andriamanitra?"

**Miadia ny hiditra ny varavarana tery ianareo**

"miasa mafy mba hidirana amin'ilay varavarana tery." Jesosy miresaka momban'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra toy ny hoe varavarana kely mankao an-trano izany.

**varavarana tery**

Ny zava-misy hoe tery ilay varavarana dia milaza fa sarotra ny fidirana amin'izany.

**maro no te-hitsofoka, fa tsy ho afaka ny hiditra**

Ity dia milaza fa tsy ho afaka ny hiditra izy ireo nohon'ny hasarotan'ny fidirana. Ny andininy manaraka dia manazava ilay fahasarotana.

## Luke 13:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka momban'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**ilay tompon-trano**

Ity dia maneho ilay tompon-trano manana varavarana tery tao amin'ny andininy teo aloha. Ity dia sariteny ho an'Andriamanitra toy ny mpanapaka ny fanjakana.

**hijoro ao ivelany ianareo**

Jesosy niresaka tamin'ireo vahoaka. Izy dia miresaka an'izy ireo toy ny hoe hiditra amin'ilay varavarana tery mankany amin'ny fanjakana izy ireo.

**handondona ny varavarana**

Ity dia natao hahazoana ny sain'ilay tompon-trano.

**mpanao ratsy**

"olona izay manao ratsy"

## Luke 13:28

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka momban'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ity no faran'ity resaka ity.

**fitomaniana sy fikitroha-nify**

Ireo dia manondro fanenenana lalina sy alahelo. Ny kolontsainao dia mety manana fomba hilazana ireo.

**rehefa indro ianareo mahita**

Jesosy manohy miresaka ny vahoaka toy ny hoe tsy hiditra ny fanjakan'ny lanitra izy ireo.

**saingy voaroaka any ivelany ianareo**

"fa ianareo mihintsy no hatsipy any ivelany." DH: "fa Andriamanitra hanery anareo hivoaka"

**avy any atsinanana, andrefana, avaratra, ary atsimo**

Ity dia midika hoe "avy any amin'ny lafin-tany rehetra"

**no ho voalohany ... ho farany**

Ny voalohany dia maneho hoe manan-danja na omem-boninahitra. DH: "ho lehibe indrindra ... ho tsy misy dikany indrindra" na "Andriamanitra dia hanome voninahitra azy ireo ... Andriamanitra hanala-baraka azy ireo"

**Luke 13:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no hetsika vaovao ao amin'ny fizarana manaraky ny tantatra. Jesosy mbola eny amin'ny lalany mankany Jerosalema, raha miresaka Aminy momban'i Heroda ireo Fariseo sasany.

**Taoriana kelin'izany**

"Taoriana kely rehefa tapitra ny resak'i Jesosy"

**Mandehana ilaozy ny eto satria te-hamono Anao Heroda**

Adikao toy ny fampitandremana an'i jesosy ity. Izy ireo dia nanome soso-kevitra Azy mba hankany amin'ny toeran-kafa.

**Te-hamono Anao Heroda**

Heroda dia hibaiko olona hamono an'i Jesosy. DH: "Te-handeha ireo lehilahiny Heroda mba hamono Anao"

**izany amboahaolo izany**

Nantsoin'i Jesosy hoe amboahaolo Heroda. Ny amboahaolo dia alika-dia kely. Ireo dika azo atao: 1) Tsy ampy hamapatahotra mihintsy Heroda 2) Heroda dia fitaka.

**Na inona na inona mitranga**

"na dia izany aza"

**tsy azo ekena ny famonoana ny mpaminany lavitra an'i Jerosalema**

Ireo mpitarika Jiosy dia nilaza ny hanompo an'Andriamanitra. Kanefa ny razamben'izy ireo namono ireo mpaminanin'Andriamanitra maro tao Jerosalema, ary Jesosy nahafantatra fa hamono Azy

any koa ireo. DH: "any Jerosalema no amonoan'ny mpitarika Jiosy ireo mpitondra ny hafatr'Andriamanitra"

**Luke 13:34****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny famalian'i Jesosy an'ireo Fariseo. Ity no faran'ity fizarana ao amin'ny tantara ity.

**Ry Jerosalema, ry Jerosalema**

Jesosy miresaka toy ny hoe nihaino Azy ireo olon'i Jerosalema. Niteny ity indroa Jesosy hampisehoana ny alahelony ho azy ireo.

**izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato ireo izay nirahina tany aminareo**

Raha hafahafa ny miresaka amin'ny tanàna, dia afaka hazavainao izany hoe Jesosy niresaka tamin'ireo olona tao amin'ilay tanàna: "Ianareo olona izay mamono ireo mpaminany sy mitora-bato ireo nirahina tany aminareo"

**ireo nirahina tany aminareo**

DH: "ireo izay nirahin'Andriamanitra ho any aminareo"

**Impiry aho no naniry**

"maniry foana aho." Fanamafisana ity fa tsy fanontaniana.

**hanangona ny zanakareo**

Ny olon'i Jerosalema dia raisina toy ny "ankizy." DH: "hanangona ny olonareo" na "hanangona ny olon'i Jerosalema"

**tahaka ny akoho vavy manangona ny zanany ambany helany**

Ity dia mamaritra ny fomba hiarovan'ny akoho vavy ny zanany amin'ny ratsy amin'ny alalan'ny fandrakofana azy ireo amin'ny helany.

**nilaozana ny tranonareo**

Ity dia faminaniana momban'ny zavatra izay hitranga afaka fotoana fohy. Izany dia midika fa najanon'Andriamanitra ny fiarovana ny olon'i Jerosalema, noho izany dia afaka hanafika azy ireo ny fahavalo. Ireo dika azo atao: 1) hilaozan' Andriamanitra izy ireo. na 2) ho foana ny tanànan'izy ireo. DH: "Hilaozana ny tranonareo"

**tsy ho hitanareo Aho ambara-pitenenanareo hoe**

"tsy hahita Ahy ianareo mandra-pahatongan'ny fotoana hitenenanareo hoe" na "amin'ny fotoana manaraka hahitanareo Ahy, dia hiteny ianareo hoe"

**anaran'ny Tompo**

Eto ny "anarana" dia maneho ny hery sy fahefan'ny Tompo.

## Chapter 14

<sup>1</sup> Ary indray Sabata, rehefa nankao amin'ny tranon'ny iray tamin'ireo mpitarika ny fariseo hihinana mofo Izy dia nanara-maso Azy akaiky izy ireo. <sup>2</sup> Indro, teo anoloany nisy lehilahy iray izay nampijalian'ny edema. <sup>3</sup> Jesosy nanontany ireo manam-pahaizana amin'ny lalàn'ny Jiosy sy ireo Fariseo hoe: "Azo atao ve ny manasitrana amin'ny andro Sabata, sa tsia?" <sup>4</sup> Fa izy ireo dia nangina. Noho izany dia noraisin'i Jesosy izy, ary nositrany, dia nalefany handeha. <sup>5</sup> Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Iza aminareo izay manan-janaka lahy na omby tafalatsaka anaty fatsakana amin'ny andro Sabata no tsy hisintona azy avy hatrany?" <sup>6</sup> Izy ireo dia tsy nisy nahavita nanome valiny an'ireo zavatra ireo. <sup>7</sup> Rehefa tsikaritr'i Jesosy ny fomba fisafidianan'ireo izay nasaina ny toeram-boninahitra, nanao fanoharana izy, niteny tamin'izy ireo hoe: <sup>8</sup> "Rehefa asaina amin'ny lanonam-panambadiana ianareo, aza mipetraka eo amin'ny toeram-boninahitra, satria mety nisy olona nasaina mbola manam-boninahitra noho ianareo. <sup>9</sup> Rehefa tonga ilay olona izay nanasa anareo, dia hiteny anareo izy hoe: 'Omeo an'ity olon-kafa ity ny toeranao,' ary am-pahamenarana no andehananareo hamonjy ny toerana ambany indrindra. <sup>10</sup> Fa rehefa asaina ianareo, mandehana dia mipetraka amin'ny toerana ambany indrindra, amin'izay rehefa mandalo eo ilay nanasa anao, dia mety hiteny anao izy hoe: 'Ry namana, miakara amin'ny ambonimbony.' Ary avy eo dia homem-boninahitra ianareo eo anatrehan'ireo izay rehetra miray latabatra aminareo. <sup>11</sup> Fa ireo izay manandra-tena dia hahetry, ary izy izay manetri-tena dia hasandratra." <sup>12</sup> Jesosy ihany koa dia niteny tamin'ilay lehilahy nanasa Azy hoe: "Rehefa manome sakafo na fanasana ianao, dia aza manasa ireo namanao na ireo rahalahinao na ireo akaiky anao na ireo mpanakarena manodidina anao, amin'ny mety hanasany anao koa ho takalon'izany, ary dia ho voavaly ianao. <sup>13</sup> Fa rehefa manao fanasana ianao, asao ny mahantra, ny kilemaina, ny mandringa, ary ny jamba, <sup>14</sup> dia ho sambatra ianao, satria tsy afaka hamaly anao izy ireo. Fa ianao dia ho voavaly amin'ny fitsanganan'ny marina." <sup>15</sup> Rehefa naheno ireo zavatra ireo ny iray tamin'ireo niray latabatra tamin'i Jesosy, dia niteny taminy izy hoe: "Sambatra izay hihinana ny mofo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra!" <sup>16</sup> Fa Jesosy niteny taminy hoe: "Nisy lehilahy iray nikarakara sakafo lehibe ary nanasa olona maro. <sup>17</sup> Rehefa voakarakara ny sakafo, dia naniraka ny mpanompony izy hiteny an'ireo izay nasaina hoe: 'Mandrosoa, fa ny zava-drehetra dia efa vonona.' <sup>18</sup> Izy rehetra dia nitovy saina ary nanomboka nanao fialan-tsiny. Ilay voalohany niteny taminy hoe: 'Nividy saha aho, ka tokony hivoaka aho ary ijery izany. Miala tsiny aho.' <sup>19</sup> Iray hafa niteny hoe: 'Nividy omby folo aho, ary andeha hamantatra azy ireo. Miala tsiny aho.' <sup>20</sup> Avy eo nisy lehilahy iray hafa niteny hoe: "Vao avy nampiakabady aho, ary noho izany dia tsy afaka ny ho avy aho." <sup>21</sup> Dia tonga ilay mpanompo ary niteny tamin'ny tompony ireo zavatra ireo. Avy eo ilay tompon-trano tezitra ka niteny tamin'ilay mpanompony hoe: "Mandehana faingana eny amin'ireo lalambe sy sakeli-dalana eto an-tanàna dia ento aty ny mahantra, ny mandringa, ny jamba, ary ny kilemaina." <sup>22</sup> Niteny ilay mpanompo hoe: "Tampo, efa vita izay nobaikonao, fa mbola misy toerana ihany." <sup>23</sup> Hoy ity tompony tamin'ilay mpanompony hoe: "Mandehana eny amin'ireo lalambe sy sisim-boly ary tereo izy ireo ho avy, amin'izay ho feno ny tranoko. <sup>24</sup> Fa lazaiko aminareo, tsy hisy hanandrana ny sakafoko ireo lehilahy izay nasaina." <sup>25</sup> Ary vahoaka maro no nandeha niaraka taminy, ary nitodika Izy ary niteny azy ireo hoe: <sup>26</sup> "Raha misy aminareo manatona Ahy ary tsy mankahala ny rainy, ny reniny, ny vadiny, ny zanany, ireo rahalahiny sy ireo rahavaviny, ary na ny fiainany aza, dia tsy afaka ny ho mpianatro izy. <sup>27</sup> Na iza na iza tsy milanja ny hazofijaliany ary manaraka Ahy dia tsy afaka ny ho mpianatro. <sup>28</sup> Fa iza aminareo, izay maniry ny hanangana tilikambo, no tsy mipetraka aloha ary mikajy ny fandaniana raha manana izay ilaina hamitana azy izy? <sup>29</sup> Raha tsy izany, rehefa nametraka ny fototra izy nefa tsy nahavita izany akory, dia hanomboka handatsa azy ireo rehetra izay mahita izany, <sup>30</sup> manao hoe: 'Io lehilahy io no nanomboka nanangana kanefa tsy nahavita akory.' <sup>31</sup> Na koa mpanjaka inona, raha handeha hifanehitra amin'ny mpanjaka hafa amin'ny ady, no tsy hipetraka aloha ary haka hevitra raha miaraka amin'ny lehilahy iray alina dia afaka hiady amin'ny mpanjaka hafa izay tonga manohitra azy miaraka amin'ny lehilahy roa alina? <sup>32</sup> Raha tsy izany, raha mbola lavitra ny tafika hafa, dia mandefa antoko izy ary mangataka fepetra ho amin'ny fihavanana. <sup>33</sup> Ka noho izany, na iza na iza aminareo tsy mahafoy izay rehetra hananany dia tsy afaka ny ho mpianatro izy. <sup>34</sup> Tsara ny sira, fa raha very ny tsiron'ilay sira, ahoana no hiverenany hasira indray? <sup>35</sup> Tsy misy ilan'ny tany azy na dia ny zezi-tany aza. Ariana fotsiny izany. Izy manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hiaino."

**Luke 14:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Andro Sabata izao ary ao an-tranon'ny Fariseo Jesosy. Ny andininy 1 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fizotrin'ny tantara.

**Ary indray Sabata**

Ity dia maneho hetsika vaovao.

**hihinana mofo**

"hisakafo." Ny mofo dia isan'ny manan-danja lehibe amin'ny sakafo ary nampiasaina izany eto mba hanehoana ny sakafo.

**nanara-maso Azy akaiky**

Te-hahita izy ireo raha afaka miapanga Azy amin'ny fanaovana zavatra tsy mety.

**Indro, teo anoloany nisy lehilahy iray**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika ho amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba hanaovana izany.

**nampijalian'ny edema**

Ny edema dia fivontosana ateraky ny rano miangona ao amin'ny fizaran'ny vatana. Ny fiteny sasany dia mety manana anarana ho an'izany tranga izany.

**Azo atao ve ny manasitrana amin'ny andro Sabata, sa tsia?**

"Ny lalàna ve mamela anay hanasitrana amin'ny Sabata, sa voararany izany?"

**Luke 14:4****Fa izy ireo dia nangina**

Nandà tsy hamaly ny fanontaniam-pi Jesosy ireo mpitarika fivavahana.

**Noho izany dia noraisin'i Jesosy izy**

"Noho izany dia noraisin'i Jesosy ilay lehilahy izay nampijalian'ny edema"

**Iza aminareo izay manan-janaka lahy ... tsy hisintona azy avy hatrany?**

Jesosy mampiasa fanontaniana satria tiany hanaiky izy ireo fa hanampy ny zanany na ny ombiny, na dia amin'ny Sabata aza. Noho izany, ara-dalàna ho Azy ny manasitrana olona na dia amin'ny Sabata aza. DH: "Raha manana zanaka lahy na omby ny iray aminareo ... mino Aho fa hisintona azy avy hatrany ianareo"

**Izy ireo dia tsy nisy nahavita nanome valiny an'ireo zavatra ireo**

Fantatr'izy ireo ilay valin-teny ary marina ny an'i Jesosy, fa tsy te-hanaiky izy ireo hoe marina Izy. DH: "Tsy nanan-kambara izy ireo"

**Luke 14:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo vahiny ao amin'ny tranon'ilay Fariseo izay nanasa Azy hisakafo.

**ireo izay nasaina**

Mety hanampy ny fanehoana ireo olona ireo. DH: "ireo izay nasain'ilay mpitarika ny Fariseo ho amin'ny sakafo"

**ny toeram-boninahitra**

"toerana ho an'ny olona manam-boninahitra" na "toerana ho an'ny olona ambony"

**Rehefa asaina ianareo**

DH: "rehefa misy olona manasa ianareo"

**Rehefa asaina ... noho ianareo ... hiteny anareo izy hoe ... no andehananareo**

Jesosy miresaka amin'ny vondron'olona toy ny hoe amin'ny olona tsirairay.

**satria mety nisy olona nasaina mbola manam-boninahitra noho ianareo**

DH: "satria ny mpampian-trano dia mety nanasa olona mbola manan-kaja noho ianareo"

**nanasa anareo**

Ity dia maneho ireo olona roa izay samy te-hahazo ny sezam-boninahitra.

**ary am-pahamenarana**

"ary avy eo ho menatra ianareo ary"

**ny toerana ambany indrindra**

"ny toerana ho an'ny olona tsy manan-danja indrindra"

**Luke 14:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ny olona ao amin'ny tranon'ilay Fariseo.

**Rehefa asaina ianareo**

DH: "Rehefa asain'ny olona hisakafo ianareo"

**ny toerana ambany indrindra**

"ny toerana ho an'ny olona tsy manan-danja indrindra"

**miakara amin'ny ambonimbony**

"mifindrà amin'ny toerana ho an'ny olona manan-danja"

**homem-boninahitra ianareo**

DH: "Avy eo dia hanome voninahitra anareo ilay nanasa anareo" na "Avy eo hanome voninahitra anareo ireo izay nipetraka teo amin'ilay latabatra"



**ireo izay manandra-tena**

"ireo izay miezaka miseho ho lehibe"

**dia hahetry**

"ho aseho ho tsy manan-danja" na "homena toerana tsy manan-danja." DH: "Andriamanitra sia hanetry"

**izay manetri-tena**

"izay misafidy ho hita tsy manan-danja" na "izay mandray toerana tsy manan-danja"

**dia hasandratra**

"Ho aseho ho manan-danja" na "homena toerana manan-danja." DH: "Ho asandratr'Andriamanitra"

**Luke 14:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka ao amin'ny tranon'ilay Fariseo, fa miresaka mivantana amin'ilay nampian-trano Azy.

**ilay lehilahy nanasa Azy**

"ilay Fariseo izay nanasa Azy hisakafo tao an-tranony"

**Rehefa manome ianao**

"ianao" : ilay Fariseo nanasa Azy no resahany eto

**aza manasa**

Ity dia mety tsy midika hoe tsy afaka manasa ireny olona ireny mihintsy izy. Fa kosa midika hoe tokony mba hanasa ireo hafa koa izy. DH: "aza manasa ireo namanao ... fotsiny" na "aza ireo namanao ... foana no asaina"

**amin'ny mety hanasany**

"satria izy ireo mety"

**ho voavaly ianao**

DH: "amin'izany dia hamaly anao izy ireo"

**Luke 14:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ilay Fariseo izay nanasa Azy tao an-tranony.

**asao ny mahantra**

Mety hanampy ny fanampiana hoe "ihany koa." DH: "asao ihany koa ny mahantra"

**dia ho sambatra ianao**

DH: "dia ho tahian'Andriamanitra ianao"

**tsy afaka hamaly anao izy ireo**

"tsy afaka hanasa anao ho amin'ny fanasana valin'izany izy ireo"

**ianao dia ho voavaly**

DH: "Andriamanitra hamaly anao"

**fitsanganan'ny marina**

Ity dia maneho ny fitsarana farany. DH: "rehefa hatsangan'Andriamanitra ho amin'ny fiainana indray ny olo-marina"

**Luke 14:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny iray amin'ireo lehilahy teo amin'ny latabatra miresaka amin'i Jesosy ary Jesosy mamaly azy amin'ny filazana fanoharana.

**ny iray tamin'ireo tafaray latabatra tamin'i Jesosy**

Ity dia mampiditra olona vaovao.

**Sambatra izay**

Tsy niresaka momban'ny olona iray manokana ilay lehilahy. DH: "Sambatra ireo rehetra izay"

**izay hihinana ny mofo**

Ny teny hoe "mofo" dia nampiasaina mba hanehoana ny sakafo iray manontolo. DH: "izay hihinana ny sakafo"

**Fa Jesosy niteny taminy hoe**

Jesosy manomboka manao fanoharana.

**Nisy lehilahy iray**

Ity fehezanteny ity dia maneho ilay lehilahy, tsy manome fampahafantarana manokana ny momba azy.

**nanasa olona maro**

"nanasa vahiny maro"

**Rehefa voakarakara ny sakafo**

"Rehefa tonga ny fotoanan'ny sakafo" na "Rehefa andalam-panombohana ny sakafo"

**ireo izay nasaina**

DH: "ireo izay nasainy"

**Luke 14:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy milaza ny fanoharany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireo olona rehetra izay nasaina dia nanome fialan-tsiny ny mpanompo momban'ny antony tsy afahan'izy ireo mamonjy ilay fanasana.

**nanao fialan-tsiny**

"hilazana ny antony tsy afahan'izy ireo mamonjy ilay fanasana"

**Miala tsiny aho**

"mamela ahy" na "mba ekeo ny fifonako"

**omby folo**

Ny omby dia nalefa tsiroaroa mba hametrahana ilay fitaovana fambolena. DH: "omby folo hiasa amin'ny taniko"

**Vao avy nampika-bady aho**

Mampiasà fomba fiteny tsotra amin'ny fiteninanao.

**Luke 14:21****tezitra**

"tezitra tamin'ireo olona izay nasainy"

**ento aty ny mahantra**

"asao aty hisakafo"

**Niteny ilay mpanompo hoe**

DH: "rehefa avy nandeha nivoaka sy nanao izany ilay mpanompo, dia niverina izy ary nilaza hoe"

**efa vita izay nobaikonao**

DH: "efa vitako izay nobaikonao"

**Luke 14:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Vita ny fanoharana nataon'i Jesosy.

**lalam-be sy sisim-boly**

Ity dia maneho ireo lalam-be sy sisim-boly any ivelan'ny tanàna. DH: "ny lalan-dehibe sy sisim-boly any ivelan'ny tanàna"

**tereo izy ireo ho avy**

"angataho ho tonga izy ireo"

**amin'izay feno ny tranoko**

"mba hameno ny tranoko ny olona"

**Fa lazaiko aminareo**

Tsy mazava hoe iza no resahana eto

**tsy hisy hanandrana ny sakafoko ireo lehilahy izay nasaina**

Ny teny hoe "lehilahy" eto dia maneho ireo "lehilahy lehibe" fa tsy olona amin'ny ankapobeny.

**izay nasaina**

DH: "izay nasaiko"

**hanandrana ny sakafoko**

"hankafy ny sakafo izay nokarakaraiko"

**Luke 14:25****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka mampianatra ny vahoaka izay mandeha miaraka aminy.

**Raha misy aminareo manatona Ahy ary tsy mankahala ny rainy, ... dia tsy afaka ny ho mpianatro izy.**

Eto ny "mankahala" dia fanatomboana resaka mba hampisehoana ny maha-zava-dehibe ny mitia an'i Jesosy mihoatra noho ireo olona hafa. DH: "raha misy manatona Ahy ary tsy tia Ahy mihoatra noho ny hitiavany ny rainy ... dia tsy afaka ny ho mpianatro izy" na "Ny olona izay tia Ahy mihoatra

noho ny hitiavany ny rainy ... ihany no afaka ny ho mpianatro"

**Na iza na iza tsy milanja ny hazofijaliany ary manaraka Ahhy dia tsy afaka ny ho mpianatro**

DH: "raha misy te-ho mpianatro, dia tsy maintsy milanja ny hazofijaliany izy ary manaraka Ahy"

**milanja ny hazofijaliany**

Jesosy tsy miteny hoe ny Kristianina rehetra dia tsy maintsy hombohana amin'ny hazofijaliana. Ireo Romana dia mampitondra ny olona ny hazofijaliany manokana foana mialohan'ny hanombohan'izy ireo azy amin'ny hazofijaliana mba ho famantarana ny faneken'izy ireo an'i Roma. Ity sariteny ity dia midika hoe tsy maintsy manaiiky an'Andriamanitra izy ireo ary vonona hijaly amin'ny fomba rehetra mba ho mpianatr'i Jesosy.

**Luke 14:28****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manohy manazava amin'ny vahoaka fa zava-dehibe ny manisa ny vidin'ny maha-mpianatra.

**Iza aminareo, izay maniry hanangana tilikambo, no tsy mipetraka aloha ary mikajy ny fandanianana raha manana izay ilaina hamitana azy izy?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanaporifoana fa ny olona dia mikajy ny vidin'ny tetik'asa mialohan'ny hanombohan'izy ireo izany. DH: "Raha misy te-hanangana tilikambo, dia hipetraka aloha izy ary hamantatra raha manana ny vola ilaina hanatanterahana izany"

**tilikambo**

Mety ho tilikambo fiambenana izany. DH: "trano avo be"

**Raha tsy izany**

Mety hanampy ny fanomezana fanazavana bebe kokoa. DH: "raha tsy manisa ny vidiny aloha izy"

**rehefa nametraka ny fototra izy**

"rehefa nanamboatra fototra izy" na "rehefa nanatanteraka ny fizarana voalohany amin'ilay trano izy"

**nefa tsy hahavita izany**

Mazava fa tsy nahavita izany hatramin'ny farany izy satria tsy nanana ny vola ilaina. DH: "Tsy manambola afahana mamita izany"

**Luke 14:31****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manohy manazava amin'ny vahoaka fa zava-dehibe ny mikajy ny vidin'ny maha-mpianatra.

**Na**

Jesosy nampiasa ity teny ity mba hampidirana zava-misy hafa izay hikajian'ny olona ny vidiny mialohan'ny handraisana fanapahan-kevitra.

**Na koa mpanjaka inona ... no tsy hipetraka aloha ary maka hevitra ... amin'ny lehilahy roa alina**  
Jesosy mampiasa fanontaniana hafa hampianarana ny vahoaka momban'ny fikajiana ny vidiny. DH: "fantatrareo fa ny mpanjaka ... dia hipetraka aloha ary haka hevitra ... lehilahy roa alina"

**haka hevitra**

Ireo dika azo atao: 1) "hieritreritra tsara momban'ny" na 2) "hihaino ireo mpanolo-tsainy"

**iray alina ... roa alina**  
"10.000 .... 20.000"

**Raha tsy izany**

Mety hanampy ny filazana fanazavana be be kokoa. DH: "Ary raha mahatsapa izy fa tsy afaka handresy ilay mpanjaka hafa"

**fepetra ho amin'ny fihavanana**

"teny mba hampitsaharana ny ady" na "izay tian'ilay mpanjaka hafa ho ataony mba hamaranana ny ady"

**na iza na iza aminareo tsy mahafoy izay rehetra hananany dia tsy afaka ny ho mpianatro izy**

DH: "izay manome izay rehetra hananany aminareo ihany no afaka ny ho mpianatro"

**mahafoy izay rehetra hananany**  
"mamela izay rehetra hananany"

**Luke 14:34**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fampianaran'i Jesosy ny vahoaka.

**Tsara ny sira**

"ilaina ny sira." Jesosy mampianatra lesona momban'ireo izay te-ho mpianany.

**ahoana no hiverenany hasira indray?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny vahoaka. DH: "tsy afaka hiverina hasira indray izany" na "tsy hisy olona afaka mampasira izany indray"

**Ariana fotsiny izany**

DH: "arian'ny olona fotsiny izany"

**Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino.**  
"ianao izay manan-tsofina hihainoana, mihainoa"

**aoka izy hihaino**

"tokony hihaino tsara izy" na "tokony hifantoka amin'izay lazaiko izy"

## Chapter 15

<sup>1</sup> Ary ireo mpamory hetra rehetra sy ny mpanota sasany dia tonga teo amin'i Jesosy mba hihaino Azy. <sup>2</sup> Nifampimonomonona ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna, niteny hoe: "Io lehilahy io dia mandray mpanota, ary miara-mihinana amin'izy ireo mihintsy aza." <sup>3</sup> Jesosy nanao izao fanoharana izao tamin'izy ireo, niteny hoe: <sup>4</sup> "Iza aminareo, raha manana ondry zato izy ary avy eo very ny iray amin'izy ireny, no tsy handao ny sivy amby sivy folo any an-tany efitra, ary handeha hitady ilay iray very mandra-pahitany azy?" <sup>5</sup> Ary rehefa hitany izany, dia apetrany eo an-tsorony ary mifaly izy. <sup>6</sup> Rehefa tonga ao an-trano izy, dia antsoiny avokoa ireo namany sy ireo mpiara-monina aminy, miteny azy ireo hoe: 'Mifalia miaraka amiko, fa hitako ilay ondriko very.' <sup>7</sup> Toy izany koa, miteny aminareo Aho, fa hisy fifaliana any an-danitra nohon'ny mpanota iray izay mibebaka, mihoatra noho ireo olo-marina sivy amby sivy folo izay tsy mila mibebaka. <sup>8</sup> Na iza no vehivavy izay manana farantsa kely folo, raha very ny farantsa iray, no tsy andrehitra ny jiro, hamafa ny trano, ary hitady amim-pahazotoana mandra-pahitany izany? <sup>9</sup> Rehefa hitany izany, dia antsoiny avokoa ireo namany sy ireo mpiara-monina aminy, ka hiteny hoe: 'Mifalia miaraka amiko, fa itako ilay farantsa kely iray izay very.' <sup>10</sup> Toy izany koa, Izaho milaza aminareo, misy fifaliana eo anatrehan'ny Anjelin'Andriamanitra amin'ny mpanota iray izay mibebaka." <sup>11</sup> Avy eo Jesosy niteny hoe: "Nisy lehilahy iray nanan-janaka roa lahy, <sup>12</sup> ary ny faralahy tamin'izy ireo niteny tamin'ny rainy hoe: 'Ray ô, omeo ahy ny anjara harena izay tokony ho ahy.' Koa dia nozarainy tamin'izy ireo ny fananany. <sup>13</sup> Tsy ela taorian'izay, ilay faralahy nanangona ny anjarany rehetra ka nandeha tamin'ny firenena iray lavitra teo, ary tany izy no nandany fahatany ireo harenany rehetra tamin'ny fiainana maditra. <sup>14</sup> Ary rehefa laniny avokoa ny rehetra, dia nisy mosary lehibe niely tamin'io firenena io, ka nanomboka tao anatin'ny tsy fahampiana izy. <sup>15</sup> Nandeha izy ary nikarama tamin'iray tamin'ireo mponina tao amin'io firenena io, izay nandefa azy tany amin'ny sahany mba hamahana kisoa. <sup>16</sup> Te hihinana mafy ireo sakafo fihinan'ny kisoa izy, satria tsy nisy olona nanome azy na inona na inona. <sup>17</sup> Fa rehefa tonga saina ilay faralahy, dia niteny izy hoe: 'Firy amin'ireo manompon'ny raiko no manana hanina mihoatra ny sahaza, ary ity izaho, matin'ny hanohanana! <sup>18</sup> Hilaozako eto ka ho any amin'ny raiko aho, ary izaho hiteny aminy hoe: 'Ray ô, efa nanota tamin'ny lanitra aho, sy teo imasonao. <sup>19</sup> Tsy mendrika ny antsoina hoe zanakao intsony aho; ataovy toy ny iray amin'ireo mpanomponao aho.'" <sup>20</sup> Noho izany nandeha ilay faralahy ka nankany amin'ny rainy. Raha mbola lavitra izy, dia hitan'ilay rainy, ary tohina nangoraka, ka nihazakazaka, ary namihina sy nanoroka azy. <sup>21</sup> Ilay zanany lahy niteny hoe: 'Ray ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo imasonao aho. Tsy mendrika ny antsoina hoe zanakao aho.' <sup>22</sup> Ilay ray niteny tamin'ny mpanompony hoe: 'Ento faingana ireo akanjo tsara indrindra, ka ampiakanjoy azy, ary asio peratra ny tanany, sy kapa ny tongony. <sup>23</sup> Avy eo ento ilay zanak'omby matavy ka vonoy izany. Andao isika hankalaza amin'ny lanonana! <sup>24</sup> Satria ny zanako lahy dia maty, ary ankehitriny velona indray. Very Izy, ary ankehitriny dia hita indray.' Avy eo dia nanomboka nikorana izy ireo. <sup>25</sup> Ary ilay lahimatoany dia tany antsaha. Nony tamy ary nanatona ilay trano izy, dia naheno mozika sy dihy. <sup>26</sup> Niantso ny iray tamin'ireo mpanompo izy ary nanontany azy hoe mety ho inona izany zavatra izany. <sup>27</sup> Ilay mpanompo niteny taminy hoe: 'Nody ato an-trano ny rahalahinao ka novonoin'ny rainareo ilay zanak'omby matavy, satria tonga soa aman-tsara izy.' <sup>28</sup> Tezitra ilay lahimatoa, ary tsy nety niditra, dia nivoaka ny rainy, ary niangavy azy. <sup>29</sup> Saingy namaly ilay lahimatoa ary niteny tamin'ny rainy hoe: 'Jereo, efa an-taonany maro no nanompoko anao, ary mbola tsy nandika ny lalànao aho, ary ianao tsy mbola nanome na dia zanak'osy nafahako nikorana niaraka tamin'ireo namako aza, <sup>30</sup> kanefa rehefa tonga ny zanakao lahy, izay nandriatra ny fanananao tamin'ny mpivaro-tena, dia novonoinao ho azy ilay zanak'omby nafahy.' <sup>31</sup> Hoy ilay ray taminy hoe: 'Anaka, ianao dia miaraka amiko foana, ary izay rehetra ahy dia anao. <sup>32</sup> Kanefa rariny ho antsika ny mikorana sy mifaly, satria ity rahalahinao dia maty, ary ankehitriny dia velona indray; very izy, ary ankehitriny dia hita indray.'"

### Luke 15:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Tsy fantatsika hoe aiza ho hitrangan'ity; fa indray andro fotsiny raha nampianatra Jesosy.

#### Ary

Ity dia manamarika ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

#### ireo mpamory hetra rehetra

Ity dia fanatomboana resaka mba hilazana fa betsaka tamin'izy ireo no teo. DH: "mpamory hetra maro"

**Io lehilahy io dia mandray mpanota**

"Ity lehilahy ity dia mamela ireo mpanota ho eo anatrehany" na "ity lehilahy ity dia mifandray amin'ny mpanota"

**io lehilahy io**

Izy ireo dia niresaka momban'i Jesosy.

**miara-mihinana amin'izy ireo mihintsy aza**

Ny teny hoe "mihintsy aza" dia mampiseho fa izy ireo dia mieritreritra fa ratsy tokoa ny namelan'i Jesosy ny mpanota hanatona Azy, fa mbola ratsy indrindra ny hiarahany misakafo amin'izy ireo.

**Luke 15:3****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka milaza fanoharana maro. Ny fanoharana voalohany dia momban'ny lehilahy iray sy ny ondriny.

**tamin'izy ireo**

Eto ny "izy ireo" dia maneho ireo mpitarika fivavahana.

**Iza aminareo ... no tsy handao ... mandra-pahitany azy?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampatsiahivana ny olona fa raha misy amin'izy ireo nahavery ny ondriny, dia azo antoka fa handeha hitady izany izy ireo. DH: "Ny tsirairay aminareo ... dia azo antoka fa handao ... mandra-pahitany izany."

**zato ... sivy amby sivy folo**

"100 .... 99"

**apetrany eo an-tsorony**

Izany ny fomba fitondran'ny mpiandry ondry ny ondry. DH: "apetrany eo an-tsorony mba ho entina mody"

**Luke 15:6****rehefa tonga ao an-trano izy**

"rehefa tonga ao an-trano ny tompon'ilay ondry"

**toy izany koa**

"mitovy amin'izany" na "tahaka ny hifalian'ilay mpiandry ondry sy ireo namany ary ireo mpiaramonia aminy"

**hisy fifaliana any an-danitra**

"hifaly avokoa izay rehetra any an-danitra"

**olo-marina sivy amby sivy folo**

Olo-marina 99

**mihoatra noho ireo olo-marina sivy amby sivy folo izay tsy mila mibebaka**

Izany dia tsy midika hoe Andriamanitra dia tsy mankasitraka ireo izay mankatoka Azy--tena mahafinaritra Azy ireo. Fa ny fifaliana any an-danitra rehefa voavonjy tamin'ny fahotany ny olona iray dia mbola hafaliana lehibe kokoa!

**tsy mila mibebaka**

Ity dia tsy midika hoe ireo mpino dia tsy mila mibebaka mihintsy, mibebaka avokoa ireo. Fanatomboana resaka fotsiny ny an'i Jesosy mba ahazoana ilay hevitra.

**Luke 15:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka milaza fanoharana hafa. Izany dia momban'ny vehivavy iray miaraka amin'ny farantsa kely folo.

**Na iza no vehivavy ... tsy handrehitra ny jiro ... ary hitady amim-pahazotoana mandra-pahitany izany?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampatsiahivana ny olona fa raha misy amin'izy ireo mahavery ny farantsa, dia azo antoka fa hitady izany am-pahazotoana izy ireo. DH: "Izay vehivavy ... dia azo antoka fa handrehitra ny jiro ... ary hitady amim-pahazotoana mandra-pahitany izany"

**Toy izany koa**

"Mitovy amin'izany" na "tahaka ny hifalian'ny olona miaraka amin'ilay vehivavy"

**amin'ny mpanota iray izay mibebaka**

"rehefa mibebaka ny mpanota iray"

**Luke 15:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka milaza fanoharana hafa. Izany dia momban'ny tovolahy iray izay mangataka ny anjara lovany amin'ny rainy.

**Nisy lehilahy iray**

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny fanoharana.

**omeo ahy**

Tian'ilay zanaka lahy omen'ny rainy azy avy hatrany izany.

**ny anjara harena izay tokony ho ahy**

"ny anjara amin'ny harenao izay nomaninao ho raisiko rehefa maty ianao"

**tamin'izy ireo**

"tamin'ireo zanany roa lahy"

**Luke 15:13****nanangona ny anjarany rehetra**

"nampiditra ireo anjarany tao anaty harony"

**fiainana maditra**

"niaina tsy am-pieritreretana izay mety ho vokatry ny ataony"

**Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny tantara fototra. Eto Jesosy dia

manazava ny fomba naha-tao anatin'ny tsy fahampiana an'ilay zanaka lahy nefa tamin'ny nandeha nanana harena be.

**nisy mosary lehibe niely tamin'io firenena io**  
"nisy hain-tany tao ary tsy ampy sakafo avokoa ny firenena rehetra"

**tao anatin'ny tsy fahampiana**  
"tsy nanana izay nilainy"

## Luke 15:15

**Nandeha izy**  
Ilay "izy" eto dia maneho ilay zanaka lahy.

**nikarama**  
"nanomboka niasa ho an'ny"

**iray tamin'ireo mponina tao amin'io firenena io**  
"lehilahy tao amin'io firenena io"

**"mba hamahana ireo kisoan'ilay lehilahy"**  
"mba hanome sakafo ireo kisoan'ilay lehilahy"

**te-hihinana mafy ireo sakafo fihinan'ny kisoa izy**  
"naniry mafy ho afaka hihinana." Tsy am-pisalasalana fa ny anton'izany dia satria nona mafy izy. DH: "nona mafy izy ka naniry hihinana am-pifaliana"

## Luke 15:17

**tonga saina**  
DH: "nahazo tsara ny zava-mitranga aminy"

**matin'ny hanohanana**  
Mety tsy filaza-masaka ity fa tena mosarena ilay faralahy.

**efa nanota tamin'ny lanitra aho**  
Ny olona Jiosy indraindray tsy miteny hoe "Andriamanitra" fa kosa hoe "lanitra." DH: "nanota tamin'Andriamanitra aho"

**tsy mendrika intsony**  
Ity dia midika hoe taloha izy mendrika, fa ankehitriny tsy mendrika intsony.

**ataovy toy ny iray amin'ireo mpanomponao aho**  
"ampiasao toy ny mpanompo aho" na "ampiasao aho dia ho isan'ny iray amin'ireo mpanomponao." Fangatahana ity fa tsy baiko. Mety hanampy ny fanampiana hoe "raha sitrakao."

## Luke 15:20

**Ary nandeha ilay faralahy ka nankany amin'ny rainy**  
"noho izany dia nilaozany io firenena io ary nanomboka niverina nankany amin'ny rainy izy." Ny teny hoe "noho izany" dia manamarika hetsika iray izay nitranga nohon'ny zavatra iray hafa izay nitranga mialoha. Amin'ity, tao anatin'ny tsy

fahampiana ilay faralahy ka nanapa-kevitra ny hiverina hody.

**Raha mbola lavitra izy**  
"Raha mbola lavitry ny tranony izy" na "Raha mbola lavitry ny tranon'ny rainy izy"

**tohina nangoraka**  
"namindra fo azy" na "nitia azy lalina avy ao am-pony"

**namihina sy nanoroka**  
Ilay ray nanao izao mba hampisehoana ilay zanany lahy fa nitia azy izy ary faly fa niverina izy. Raha mieritreritra ny olona fa hafahafa na tsy azo ataon'ny lehilahy ny mamihina sy nanoroka ny zanany lahy, dia afaka soloinao amin'ny fomba fataon'ny lehilahy amin'ny kolontsainao izay mampiseho fitiavana amin'ny zanany lahy izany. DH: "nandray azy tam-pitiavana"

**nanota tamin'ny lanitra**  
Ny olona Jiosy indraindray tsy miteny hoe "Andriamanitra" fa kosa mampiasa ny teny hoe "lanitra." DH: "Nanota tamin'Andriamanitra aho."

**teo imasonao**  
Ity dia fomba fiteny izay midika hoe "teo anatrehanao" na "'taminao"

## Luke 15:22

**akanjo tsara indrindra**  
"ny ankanjo tsara indrindra ao an-trano."

**asio peratra ny tanany**  
Ny peratra dia famantarana ny fahefana izay anaovan'ny lehilahy eny amin'ny iray amin'ireo rantsan-tanan'izy ireo.

**kapa**  
Ny olona manan-karena tamin'izany fotoana izany dia nanao kapa. Na izany aza, amin'ny kolontsaina maro dia "iraro" no mitovitovy amin'izany.

**zanak'omby matavy**  
DH: "ny omby tsara indrindra" na "ny zanaka biby izay natavezintsika tao"

**vonony izany**  
DH: "vonoy izany ary handraoy"

**ny zanako lahy dia maty, ary ankehitriny velona indray**  
Ity sariteny ity dia miresaka momban'ny nandehanan'ilay zanaka lahy toy ny hoe maty izy. DH: "ohatran'ny hoe efa maty ny zanako lahy ary velona indray" na "tsapako toy ny hoe maty ny zanako lahy, fa velona izy ankehitriny"

**Very izy, ary ankehitriny hita indray**  
Ity sariteny ity dia miresaka momban'ilay zanaka lahy izay nandeha toy ny hoe very. DH: "Toy ny hoe very ny zanako lahy ary itako izy ankehitriny" na "very ny zanako lahy ary niverina aty an-trano izy"

**Luke 15:25****Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny tantara fototra. Eto Jesosy dia manomboka milaza fizarana vaovao ao amin'ny tantara momba ilay lahimatea.

**tany an-tsaha**

Ity dia milaza fa tany an-tsaha izy satria tany izy no niasa.

**iray tamin'ireo mpanompo**

Ny teny adika hoe "mpanompo" eto dia adika toy ny hoe "zaza lahy." Izany dia mety manondro hoe mbola tena tanora ilay mpanompo.

**mety ho inona izany zavatra izany**

"inona no mitranga"

**ilay zanak'omby matavy**

DH: "ny omby tsara indrindra" na "ilay zanaka biby izay natavezintsika."

**Luke 15:28****nanompoako anao**

"niasa mafy ho anao aho" na "niasa mafy toy ny mpanompo ho anao aho"

**mbola tsy nandika ny lalànao aho.**

"mbola nankatoa foana ireo didinao" na "nankatoa foana ny zavatra rehetra izay nasainao ho ataoko"

**zanak'osy**

Ny zanak'osy dia leky kokoa ary mora kokoa noho ny zanak'omby matavy. DH: "na dia zanak'ozy aza"

**ny zanakao lahy**

"zanaka lahy avy aminao." Ilay lahimatea naneho ilay rahalahiny tamin'izany fomba izany mba hampisehoana ny hatezerany.

**nandriatra ny fanananao tamin'ny mpivaro-tena**

"nandany ny harenao tamin'ny mpivaro-tena" na "nanary ny volanao rehetra tamin'ny fandoavana mpivaro-tena." Dika azo heverina: Milaza ny fomba nandanian'ilay rahalahiny ilay vola izy

**zanak'omby matavy**

DH: "ny omby tsara indrindra" na "ilay zanaka biby izay natavezintsika."

**Luke 15:31****Hoy ilay ray taminy hoe**

Ny "taminy" dia maneho ilay lahimatea.

**ity rahalahinao**

Mampatsiahy ilay lahimatea ilay ray fa rahalahiny ilay vao tonga ao an-trano io.

**ity rahalahinao ity dia maty, ary ankehitriny velona indray**

Ity sariteny ity dia miresaka ny nandehanan'ilay rahalahy toy ny hoe maty izy. DH: "izany dia toy ny hoe efa maty ity rahalahinao ity ary velona indray" na "efa maty, fa velona izy ankehitriny."

**very izy, ary ankehitriny dia hita indray**

Ity sariteny ity dia miresaka momban'ilay zanaka lahy lasa nandeha toy ny hoe very izy. DH: "toy ny hoe efa very ny rahalahinao ary hitako izy ankehitriny" na "efa very ity rahalahinao ity ary niverina aty an-trano."

## Chapter 16

<sup>1</sup> Dia hoy koa Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Nisy lehilahy mpanan-karena iray nanana mpitantana, ary notanterina tany aminy fa io mpitantana io no nandany ny fananany rehetra. <sup>2</sup> Koa nampiantso azy ilay lehilahy mpanan-karena ary niteny taminy hoe: 'Inona izany henoko momba anao izany? Manomeza tatitra momban'ny asa fitantananao, fa ianao tsy ho afaka ny ho mpitandri-pananana intsony.' <sup>3</sup> Ary ilay mpitandrim-pananana niteny tany an-tsainy hoe: 'Inona re no tokony ataoko, fa manala ahy amin'ny asa tantaniko ny tompoko? Tsy manan-kery hiasana tany aho, ary menatra ny hangataka aho. <sup>4</sup> Fantatro ny ho ataoko, mba rehefa esorina amin'ny asa fitantanako aho, dia hampandroso ahy ao an-tranon'izy ireo ny olona.' <sup>5</sup> Avy eo ilay mpitan-draharaha niantso ny tsirairay tamin'ireo mpitrosan'ny tompony, ary dia nanontany ilay voalohany izy hoe: 'Ohatrinona no ananan'ny tompoko any aminao?' <sup>6</sup> Niteny izy hoe: 'Menaka oliva zato litatra.' Niteny taminy izy hoe: 'Raiso ny taratasinao, mipetraka faingana, ary dimampolo soratana.' <sup>7</sup> Ary avy eo ilay mpitantana niteny tamin'ny anankiray hoe: 'Ohatrinona ny trosanao?' Niteny izy hoe: 'vary zato famarana.' Niteny taminy izy hoe: 'Raiso ny taratasinao, ary soraty hoe valopolo.' <sup>8</sup> Avy eo ilay tompo dia nidera ilay mpitantana tsy marina satria niasa tamin-kafetsena izy. Fa fetsy kokoa ny zanak'izao tontolo izao ny amin'ny fifanarahana amin'izy samy olona noho ny zanaky ny fahazavana. <sup>9</sup> Miteny aminareo Aho, mitadiava namana amin'ny alalan'ny vola tsy marina, amin'izay rehefa lany izany, dia mety ho raisin'izy ireo ao amin'ny fonenana mandrakizay ianareo. <sup>10</sup> Izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky amin'ny be koa, ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina amin'ny be koa. <sup>11</sup> Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasana vola tsy marina ianareo, iza no hatoky anareo amin'ny harena marina? <sup>12</sup> Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasana ny volan'ny olona hafa ianareo, iza no hanome vola ho anareo manokana? <sup>13</sup> Tsy misy mpanompo afaka manompo tompo roa, fa na izy hankahala ny anankiray dia ho tia ny iray, na koa izy hanolo-tena ho an'ny iray dia hanao tsinontsinona ilay hafa. Tsy afaka manompo an'Andriamanitra sy ny harena ianareo." <sup>14</sup> Ary ny Fariseo, izay tia vola, rehefa nandre izany zavatra rehetra izany, dia nanamavo Azy izy ireo. <sup>15</sup> Niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Ianareo dia manamarina ny tenanareo eo imason'ny olona, fa Andriamanitra mahalala ny fonareo. Fa izay hasandratra eo amin'ny olona dia hankahalaina eo imason'Andriamanitra. <sup>16</sup> Ny lalàna sy ireo mpaminany dia nisy mandra-piavin'i Jaona. Efa hatramin'izany fotoana izany, no efa nitoriana ny filazantsaran'ny fanjakan'Andriamanitra, ary ny tsirairay dia niezaka nanitsy ny lalany ho amin'izany. <sup>17</sup> Fa moramora kokoa ny hahafaoana ny lanitra sy ny tany noho ny soratra kely indrindra ao amin'ny lalàna ho tonga tsy manan-kery. <sup>18</sup> Izay misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa dia mijangajanga, ary izay mampakatra vehivavy izay efa nisara-bady dia mijangajanga. <sup>19</sup> Ary nisy mpanan-karena iray izay niankanjo voloparasy sy rongony manify ary nankamamy isan'andro ny harem-beny. <sup>20</sup> Nisy mpangataka iray antsoina hoe Lazarosy nipetraka teo amin'ny vavahadiny, rakotra fery, <sup>21</sup> ary naniry mba hihinana izay latsaka avy eo ambony latabatr'ilay lehilahy mpanan-karena. Fa na ny alika aza tonga sy nilelaka ny feriny. <sup>22</sup> Ary indro maty ilay mpangataka ka nentin'ireo anjely ho eo anilan'i Abrahama. Maty ihany koa ilay mpanan-karena ka nalevina, <sup>23</sup> ary tao amin'ny fahaverezana, raha nampijaliana, dia nanandratra ny masony izy ary nahita an'i Abrahama teny alavitra sy Lazarosy teo anilany. <sup>24</sup> Koa nihikiaka mafy izy sy niteny hoe: 'Abrahama Ray, mamindrà fo amiko ary alefaso Lazarosy, mba handrobohany ny tendron'ny rantsan-tanany ao anaty rano ary hampangatsiatsiaka ny lelako, fa ato anatin'ny fangirifiriana mafy anatin'ity afo ity aho.' <sup>25</sup> Fa Abrahama niteny hoe: 'Anaka, tsarovy fa tamin'ny androm-piainanao dia nahazo zavatra tsara ianao, ary ny an'i Lazarosy kosa zavatra ratsy. Fa ankehitriny izy aty dia voatambitamby, ary ianao ao amin'ny fangirifiriana. <sup>26</sup> Ankoatra izany rehetra izany, dia nisy hantsana lehibe napetraka, mba tsy ho afaka hiampita izay te-hiampita avy ety mankeny aminareo, ary tsy misy afaka hiampita avy eny hankety aminay.' <sup>27</sup> Ilay lehilahy mpanan-karena niteny hoe: 'Miangavy anao aho, ry Abrahama Ray, mba hanirahanao azy ho any an-tranon-draiko. <sup>28</sup> fa manana rahalahy dimy aho mba afahany mampitandrina azy ireo, nohon'ny tahotra ny hatongavan'izy ireo aty amin'ity toeran'ny fijaliana ity ihany koa." <sup>29</sup> Fa Abrahama niteny hoe: 'Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy ireo; aoka izy ireo hihaino azy ireo.' <sup>30</sup> Ary namaly ilay lehilahy mpanan-karena hoe: 'Tsia, ry Abrahama Ray, fa raha misy avy amin'ny maty mankany amin'izy ireo, dia hibebaka izy ireo.' <sup>31</sup> Fa Abrahama kosa niteny taminy hoe: 'Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ireo mpaminany izy ireo, dia tsy ho resy lahatra mihitsy na misy olona mitsangana amin'ny maty aza.'"



**Luke 16:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy milaza fanoharana hafa. Izany dia momban'ny tompo iray sy ny mpitantana ny trosany. Ity dia mbola ao anatin'ny fizarana ao amin'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 15:3

**Dia hoy koa Jesosy tamin'ireo mpianany hoe**

Ny fizarana farany dia natao ho amin'ireo Fariseo sy mpisoronabe, na dia isan'ireo mpihaino aza ny mpianatr'i Jesosy.

**Nisy lehilahy mpanan-karena iray**

Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao anatin'ny fanoharana.

**notanterina tany aminy**

DH: "notanterin'ny olona tany amin'ilay lehilahy mpanan-karena"

**nandany ny fananany**

"nandany tsy am-piheverana ny harenan'ilay lehilahy mpanan-karena"

**Inona izany henoko mombanao izany?**

Ilay mpanan-karena nampiasa fanontaniana mba hibesana ilay mpitandrim-panana. DH: "reko izay ataonao"

**Manomeza tatitra momban'ny fitantananao**

"Amboary ny raki-tsoratrao mba hatolotra amin'ny olon-kafa" na "homano ny raki-tsoratra izay nosoratanao momban'ny volako"

**Luke 16:3****Inona re no hataoko ... ny tompoko?**

Ilay mpitandrim-panana dia mametraka ity fanontaniana ity amin'ny tenany, ho famerenana ny safidiny. DH: "Mila misaina izay tokony hataoko aho ... ny tompoko"

**ny tompoko**

Ity dia maneho ilay lehilahy manan-karena. Tsy andevo ilay mpitandrim-draharaha. DH: "ny mpampiasako"

**Tsy manan-kery hiasana tany aho**

"tsy manana tanjakaentina miasa tany aho" na "tsy afaka miasa tany aho"

**mba rehefa esorina amin'ny asa fitantanako aho**

DH: "rehefa very amin'ny asa fitantanako aho" na "'rehefa esorin'ny tompoko amiko ny asa fitantanako"

**dia hampandroso ahy ao an-tranon'izy ireo ny olona**

Ity dia milaza fa ireo olona ireo dia hanome asa azy, na zavatra hafa izay tsy maintsy hiainany.

**Luke 16:5****mpitrosan'ny tompony**

"ny olona izay nitrosa tamin'ny tompony" na "ny olona izay nitrosa zavatra tamin'ny tompony." Amin'ity tantara ity ireo mpitrosa dia nitrosa menaka oliva sy vary.

**Niteny izy hoe ... Niteny taminy izy hoe**

"Hoy ilay mpitrosa hoe ... Niteny tamin'ilay mpitrosa ilay mpitan-draharaha hoe"

**zato ... dimampolo ... valopolo**

"100 ... 50 ... 80"

**ilay mpitantana niteny tamin'ny anankiray hoe ... Niteny izy hoe ... Niteny taminy izy hoe**

"ilay mpitantana niteny tamin'ny mpitrosa hafa hoe ... Niteny ilay mpitrosa hoe ... Niteny tamin'ilay mpitrosa ilay mpitantana hoe"

**soraty hoe valopolo**

"vary valopolo famarana."

**Luke 16:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny filazan'i Jesosy ilay fanoharana momban'ny tompo sy ny mpitantana ny trosany. Ao amin'ny andininy faha 9, dia manohy mampianatra ireo mpianany Jesosy.

**Avy eo ilay tompo nidera**

Tsy nolazain'ny tantara hoe ahoana no nahafantaran'ilay tompo ny hetsik'ilay mpitantana.

**nidera**

"niteny tsara" na "nankasitraka"

**niasa tamin-kafetsena izy**

"nanao fihetsika mamitaka izy"

**ny zanak'izao tontolo izao**

Ity dia maneho ireo tahaka ilay mpitantana tsy marina izay tsy miraharaha an'Andriamanitra. DH: "ny olon'izao tontolo izao"

**Miteny aminareo Aho**

Ilay "Aho" dia maneho an'i Jesosy. Ny fehezanteny hoe "miteny aminareo Aho" dia manamarika ny faran'ny tantara ary izao Jesosy miteny ny olona ny fomba hampiarana ilay tantara amin'ny fiainan'izy ireo.

**mitadiava namana amin'ny alalan'ny vola tsy marina**

Ny hifantohana eto dia ny fampiasana ilay vola mba hanampiana ny olona hafa, fa tsy amin'ny fomba nahazoan'ny mpanan-karena tamin'ny fitaka.

**vola tsy marina**

"vola azo tamin'ny tsy marina"

**mety ho raisin'izy ireo**

Ity dia mety maneho: 1) An'Andriamanitra any andanitra, izay faly fa nampiasa vola hanampiana olona inareo, na 2) ireo namana izay nampianareo tamin'ny volanareo.

**fonenana mandrakizay**

Ity dia maneho ny lanitra, izay misy an'Andriamanitra.

**Luke 16:10****Izay mahatoky**

"Ny olona izay mahatoky." Mety ao anatin'izany koa ny vehivavy.

**mahatoky amin'ny kely indrindra**

"mahatoky na dia amin'ny zavatra kely indrindra aza."

**tsy marina amin'ny kely indrindra**

"tsy marina na dia amin'ny zavatra kely indrindra aza."

**vola tsy marina**

"vola azo tamin'ny tsy marina"

**iza no hatoy anareo amin'ny harena marina?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny olona. DH: "tsy hisy hatoky anareo amin'ny harena marina" na "tsy hisy hanome harena marina anareo ho tantanina"

**harena marina**

Ity dia maneho ny harena izay tena marina, tena izy, na maharitra noho ny vola tsy marina.

**iza no hanome vola ho anareo manokana?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny olona. DH: "tsy hisy hanome harena ho anareo manokana"

**Luke 16:13****Tsy misy mpanompo afaka**

"Ny mpanompo dia tsy afaka"

**manompo tompo roa**

Ity dia milaza fa izy dia tsy afaka "hanompo tompo roa samihafa amin'ny fotoana mitovy."

**na izy hankahala**

"na ilay mpanompo hankahala"

**hanolo-tena**

Ity dia mitovy toy ny "mitia" ao amin'ilay voalohany ihany.

**hanao tsinontsinona ilay hafa**

"hankahala ilay hafa"

**hanao tsinontsinona**

Ity dia mitovy toy ny "mankahala" ao amin'ilay voalohany ihany.

**Tsy afaka manompo ... ianareo**

Jesosy niresaka tamin'ny vondron'olona.

**Luke 16:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia fihatoana amin'ny fampianaran'i Jesosy, toy ny andininy faha14 milaza amintsika ny momban'ny fomba nanalan'ireo Fariseo baraka an'i Jesosy. Ao amin'ny andininy faha15, Jesosy manohy mampianatra sy mamaly ireo Fariseo.

**Ary**

Ity teny ity dia manamarika fiovana amin'ny fampahafantarana fototra.

**izay tia vola**

"izay tena tia vola be"

**nanamavo Azy izy ireo**

"nanamavo an'i Jesosy ireo Fariseo"

**Niteny tamin'izy ireo Izy hoe**

"Jesosy niteny tamin'ireo Fariseo"

**Ianareo dia manamarina ny tenanareo eo imason'ny olona**

"Miezaka manatsara ny tenanareo amin'ny olona ianareo"

**Andriamanitra mahalala ny fonareo**

Eto ny "fo" dia maneho ireo fanirian'ny olona. DH: "Andriamanitra mahatakatra ny tena fanirianareo" na "Fantatr'Andriamanitra ny antony manosika anareo"

**Fa izay hasandratra eo amin'ny olona**

DH: "Ireo zavatra izay heverin'ny olona ho tena manan-danja"

**dia hankahalaina eo imason'Andriamanitra**

"Hankahalain'Andriamanitra" na "dia zavatra izay halan'Andriamanitra"

**Luke 16:16****Ny lalàna sy ireo mpaminany**

Ity dia maneho ny tenin'Andriamanitra rehetra izay nosoratana tamin'izany fotoana izany.

**mandrapihavin'i Jaona**

Ity dia maneho an'i Jaona mpanao batisa. DH: "mandrapihavin'i Jaona mpanao batisa"

**nitoriana ny filazantsaran'ny fanjakan' Andriamanitra**

DH: "Mampianatra ny olona momban'ny filazantsaran'ny fanjakan'Andriamanitra Aho"

**ny tsirairay dia niezaka nanitsy ny lalany ho amin'izany**  
Ity dia maneho ny olona izay nihaino sy nanaiky ny fampianaran'i Jesosy. DH: "maro ny olona manao ny zavatra rehetra azon'izy ireo atao mba hidirana ho amin'izany"

**Fa moramora kokoa ny hahafaona ny lanitra sy ny tany noho ny soratra kely indrindra ao amin'ny lalàna ho tonga tsy manan-kery**  
DH: "na dia ny soratra kely indrindra ao amin'ny lalàna aza dia haharitra kokoa noho ny lanitra sy ny tany"

**noho ny soratra kely indrindra ao amin'ny lalàna**  
Ity dia mety maneho zavatra ao amin'ny lalàna izay mety raisina ho tsy manan-danja indrindra. DH: "noho ny antsipirihany kely indrindra ao amin'ny lalàna aza"

### Luke 16:18

**Izay misaraka amin'ny vadiny**  
"na iza na iza misaraka amin'ny vadiny" na "izay lehilahy misaraka amin'ny vadiny"

**mijangajanga**  
"dia meloka amin'ny fanitsakitsaham-bady"

**izay mampakatra**  
"izay lehilahy mampakatra vehivavy"

### Luke 16:19

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Raha nanohy nampianatra ny olona Jesosy dia manomboka milaza tantara. Izany dia momban'ny lehilahy manan-karena iray sy Lazarosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'ny tantara izay manomboka lazain'i jesosy momban'ny lehilahy mpanan-karena iray sy Lazarosy.

**Ary**  
Ity dia manamarika fiovana ao amin'ny fanambaran'i Jesosy raha manomboka mitantara ny tantara izay hanampy ny olona hahazo izay hampianariny azy ireo Izy.

**nisy mpanan-karena iray**  
Ity fehezanteny ity dia mampiditra olona iray ao amin'ny tantaran'i Jesosy. Tsy mazava tsara raha tena olona ity, na tantara tantarain'i Jesosy fotsiny mba hazoana ny hevitra.

**izay niankanjo volomparasy sy rongony manify**  
"nanao akanjo lafo vidy."

**nankamamy isan'andro ny harem-beny**  
"nankamamy isan'andro ny sakafo lafo vidy" na "nandany vola be sy nividy izay rehetra niriany"

**Nisy mpangataka iray antsoina hoe Lazarosy nipetraka teo amin'ny vavahadiny**  
DH: "nisy olona nametraka mpangataka iray antsoina hoe Lazarosy teo amin'ny vavahadiny"

**mpangataka iray antsoina hoe Lazarosy**  
Ity fehezanteny ity mampiditra olona hafa ao amin'ny tantaran'i Jesosy.

**teo amin'ny vavahadiny**  
"teo amin'ny vavahadin'ny tranon'ilay lehilahy manan-karena" na "'teo amin'ny fiidirana mankao amin'ny fananan'ilay lehilahy manan-karena."

**rakotra fery**  
"rakotra fery ny vatany iray manontolo"

**Fa na ny alika aza tonga**  
Ny teny hoe "aza" eto dia mampiseho fa izay manaraka eo dia mbola ratsy kokoa noho izay efa voalaza teo aoha momban'i Lazarosy. DH: "ankoatra izay" na "mbola ratsy kokoa aza, tonga ny alika"

**alika**  
Ireo Jiosy dia nandray ny alika ho biby maloto. Tena narary sy nalemy loatra Lazarosy ka tsy afaka nanajanona ilay alika tamin'ny filelahana ireo feriny.

### Luke 16:22

**Ary**  
Ity fehezanteny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana hetsika vaovao ao amin'ny tantara.

**ho eo anilan'i Abrahama**  
Ity dia milaza fa Abrahama sy Lazarosy dia nipetraka nifanakaiky tamin'ny lanonana iray, amin'ny fomba fisakafoan'i Grika. Ny fifaliana any an-danitra dia raisaina ao amin'ny Soratra Masina foana amin'ny hevitra fety iray.

**nalevina**  
DH: "nalevin'ny olona izy"

**tao amin'ny fahaverezana, raha nampijaliana**  
"nankany amin'ny fahaverezana izy, izay nijaly tamin'ny fanaintainana mafy"

**nanandratra ny masony izy**  
Ity fomba fiteny ity dia midika hoe "nijery ambony izy"

### Luke 16:24

**nihikiaka mafy izy ary niteny hoe**  
"niantso mafy ilay lehilahy mpanan-karena hiteny hoe" na "niteny mafy tamin'i Abrahama izy"

**Abrahama Ray**  
Abrahama no razamben'ireo Jiosy rehetra, ao anatin'ny ilay lehilahy manan-karena"

**mamindrà fo amiko**

"mamindrà fo amiko ra sitrakao"

**alefaso Lazarosy**

"amin'ny fanirahana an'i Lazarosy" na "ary asaivo manatona ahy Lazarosy"

**handrombohany ny tendron'ny rantsan-tanany**

DH: "mba handena ny tendron'ny rantsan-tanany"

**fa ato anatin'ny fangirifiriana mafy anatin'ity afo ity aho**

"ao anatin'ny fanaintainana mafy ato anatin'ity afo ity aho" na "mijaly mafy aho ato anatin'ity afo ity"

**Luke 16:25****Anaka**

Ilay lehilahy mpanan-karena dia iray amin'ireo taranak'i Abrahama.

**zavatra tsara**

"zavatra mahafinaritra"

**zavatra ratsy**

"nahazo zavatra ratsy" na "nahazo zavatra izay nahatonga azy nijaly"

**voatambitamby**

"voakarakara" na "faly izy aty"

**fangirifiriana**

"fijaliana"

**Ankoatra izany rehetra izany**

"Fanampin'izany"

**nisy hantsana lehibe napetraka**

DH: "Nametrahan'Andriamanitra lohasaha be eo anelanelantsika sy ianao"

**hantsana**

"hantsana, lalina sy lohasaha lehibe" na "fisarahana lehibe"

**ireo izay te-hiampita**

"ireo olona izay te-hiampiata ilay hantsana" na "raha misy te-hiampita"

**Luke 16:27****mba hanirahanao azy ho any an-tranon-draiko**

"mba hiteny amin'i Lazarosy ianao handeha ho any an-tranon-draiko" na "miangavy, iraho ho any an-tranon-draiko izy"

**tranon-draiko**

Ity dia maneho ireo olona ao an-trano. DH: "ny fianakaviako"

**mba afahany mampitandrina azy ireo**

"mba hampitandrina azy ireo Lazarosy"

**nohon'ny tahotro ny hatongavan'izy ireo aty koa**

Ity dia milaza fa ny fomba ialàn'izy ireo amin'ny fankanesana aty dia ny fibebahana. DH: "ary mba hibe-baka izy ireo ka tsy akaty"

**nohon'ny tahotro**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe tsy tiany hitranga izany. DH: "mba tsy hakaty izy ireo"

**ity toeran'ny fijaliana ity**

"ity toerana ity izay hijaliana fanaintaina mafy"

**Luke 16:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fitantaran'i Jesosy tantara momban'ilay lehilahy mpanan-karena sy Lazarosy.

**Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy ireo**

Milaza ity fa Abrahama dia nandà haniraka an'i Lazarosy hankany amin'ireo rahalahin'ilay lehilahy mpanan-karena. DH: "Tsia, tsy hanao izany aho, satria manana izay nosoratan'i Mosesy sy ny mpaminany efa ela ireo rahalahinao."

**Mosesy sy ny mpaminany**

Ity dia maneho an'izay nosoratan'izy ireo. DH: "izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany"

**aoka izy ireo hihaino azy ireo**

"ireo rahalahinao dia tokony hitandrina an'i Mosesy sy ireo mpaminany"

**raha misy avy amin'ny maty mankany amin'izy ireo**

Ity dia mamaritra zava-misy iray izay tsy nitranga, fa tian'ilay lehilahy mpanan-karena hitranga. DH: "raha misy olona efa maty te hankany amin'izy ireo" na "raha misy olona efa maty te-ho any amin'izy ireo ary hampitandrina azy ireo"

**Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ireo mpaminany izy ireo**

"raha tsy mitandrina izay voasoratr'i Mosesy sy ireo mpaminany izy ireo"

**dia tsy ho resy lahatra mihintsy na hisy olona hitsangana amin'ny maty aza**

DH: "tsy hisy olona nitsangana tamin'ny maty afaka handresy lahatra azy ireo" na "tsy hino izy ireo na dia misy olona mitsangana amin'ny maty aza"

## Chapter 17

<sup>1</sup> Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Azo antoka fa hisy zavatra afaka hanosika antsika hanota, fa loza ho an'ny olona izay hiavian'izany!" <sup>2</sup> Tsara ho azy kokoa raha asiana vato be eo amin'ny vozony ka atsipy any an-dranomasina, toy izay hahatafintohina ny iray amin'ireo madinika ireo. <sup>3</sup> Mitandrema ianareo. Raha manota ny rahalahinareo, teneno mafy izy, ary raha mibebaka izy, mamela azy. <sup>4</sup> Raha manota aminao impito ao anatin'ny iray andro izy, ka impito miverina aminao izy, miteny hoe: 'Mibebaka aho,' dia tsy maintsy mamela azy ianao!" <sup>5</sup> Ireo apostoly niteny tamin'ny Tompo hoe: "Ampitomboy ny finoanay." <sup>6</sup> Ny Tompo niteny hoe: "Raha manana finoana ohatran'ny voatsinampy ianareo, dia afaka miteny amin'io voroihazo io hoe: 'Miongota, ary maniria any an-dranomasina,' dia hanaiky anareo izy. <sup>7</sup> Fa iza aminareo, no manana mpanompo miasa tany na miandry ondry, ka hiteny aminy rehefa tonga avy any an-tsaha izy hoe: 'Avia haingana ka mipetraka mba hihinana?' <sup>8</sup> Fa tsy hiteny aminy ve izy hoe: 'Hikarakarao zavatra hohaniko aho, ka asio fehikibo manodidina ny ankanjonao dia manompoa ahy mandrapahalanin'ny haniko sy fisotroako. Dia avy eo ianao mihinana sy misotro?' <sup>9</sup> Tsy misaotra ilay mpanompo izy satria nanao ireo izay nibaikoana azy izy, sa misaotra ve izy? <sup>10</sup> Na dia ianareo koa aza, rehefa nahavita ireo zavatra rehetra izay nandidiana anareo ianareo, dia tokony hiteny hoe: 'Izahay dia mpanompo tsy mendrika. Izay tokony nataonay ihany no nataonay.'" <sup>11</sup> Ary raha nandeha ho any Jerosalema Izy, dia nandeha teo amin'ny sisin-tany teo anelanelan'i Samaria sy Galilia. <sup>12</sup> Rehefa niditra tao amin'ny tanàna iray izy, dia nisy boka folo lahy nifanena taminy tao. Nitsangana lavitra Azy izy ireo <sup>13</sup> ary nanandratra avo ny feon'izy ireo, niteny hoe: "Jesosy, Tompo o, mamindrà fo aminay." <sup>14</sup> Rehefa nahita azy ireo Izy, dia niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana dia ampisehoy amin'ireo mpisorona ny tenanareo." Raha iny lasa iny izy ireo dia nadio. <sup>15</sup> Rehefa nahita ny iray tamin'izy ireo fa sitrana izy, dia niverina, niaraka tamin'ny feo avo nankalaza an'Andriamanitra. <sup>16</sup> Niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy, nanolotra fisaorana ho Azy. Izy dia Samaritana. <sup>17</sup> Ary Jesosy niteny hoe: "Tsy efa vadio ve izy folo? Fa aiza ny sivy? <sup>18</sup> Tsy nisy hafa niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra ve, afa-tsy ity vahiny ity?" <sup>19</sup> Ary hoy Izy taminy: "Mitsangàna, ka mandehana. Ny finoanao no nahasitrana anao." <sup>20</sup> Raha nanontaniana ireo Fariseo hoe rahoviana ny fanjakan'Andriamanitra no ho tonga, dia namaly azy ireo Jesosy ka niteny hoe: "Tsy tazamaso ny fiavian'ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>21</sup> Tsy hiteny koa izy ireo hoe: 'Jereo, Inty ilay izy!' na hoe: 'Iry ilay izy!' Fa indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo." <sup>22</sup> Hoy izy tamin'ireo mpianatra: "Avy ny andro hanirianareo ny hahita ny iray amin'ny andron'ny Zanak'Olona, fa tsy hahita izany ianareo. <sup>23</sup> Ary izy ireo dia hiteny aminareo hoe: 'Jereo, ery! Jereo, ety!' Fa aza mivoaka na manenjika azy ireo, <sup>24</sup> fa tahaka ny tselatra mamiratra mazava rehefa mitaratra avy any amin'ny ilany ny lanitra ka hatrany any amin'ny ilany iray, dia toy izany ny Zanak'Olona amin'ny androny. <sup>25</sup> Fa vaolohany dia tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro Izy ary ho lavin'ity taranaka ity. <sup>26</sup> Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Noa, no hiseho koa amin'ny andron'ny Zanak'Olona. <sup>27</sup> Nihinana izy ireo, nisotro, nanambady, natolotra ho ampakarina, mandra-pihavin'ny andro izay nidiran'i Noa tao amin'ny sambofiara \_ ary tonga ny Safo-drano ka nandringana azy rehetra. <sup>28</sup> Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Lota \_ nihinana sady nisotro izy ireo, nividy sy nivarotra, namboly sy nanao trano. <sup>29</sup> Fa tamin'ny andro izay nivoahan'i Lota avy tao Sodoma, dia afo sy solifara no nilatsaka avy tany an-danitra ka nandringana azy rehetra. <sup>30</sup> Dia ohatran'izany koa ny amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'Olona. <sup>31</sup> Amin'izany andro izany, aza avela hidina haka ireo entany ho eny ivelan'ny trano izay eny amin'ny tampon-trano; ary aza avela hiverina izay any an-tsaha. <sup>32</sup> Tadidio ny vadin'i Lota. <sup>33</sup> Na iza na iza mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy, fa na iza na iza hahavery ny ainy dia hamonjy azy. <sup>34</sup> Milaza aminareo Aho, fa amin'izany alina izany dia hisy olona roa eo ambonin'ny fandriana iray. Ny iray dia horaisina, ary ny iray ho avela. <sup>35</sup> Ary hisy roa vavy miaramitoto vary. Ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela." <sup>36</sup><sup>[1]</sup><sup>37</sup> Nanontany Azy izy ireo hoe: "Aiza, Tompo?" ary Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Izay hitoeran'ny faty, dia any koa no hisy votoro hiaramiangona."

## Footnotes

17:36 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: ireo fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny andininy faha 36 hoe: "Hisy roa lahy any an-tsaha; ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela."

**Luke 17:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy mahony mampianatra, fa ireo mpianany no hifantohan'ny sainy. Mbola ao anatin'ny fizarana mitovy ao amin'ny tantara ihany ity ary andro mitovy izay nanomboka tao amin'ny 15:3.

**Azo antoka fa hisy zavatra afaka hanosika antsika hanota**

"Azo antoka fa hitranga ireo zavatra izay maka fanahy ny olona hanota"

**ny olona izay hiavian'izany**

"na iza na iza mahatonga ny fankam-panahy hisy" na "ny olona rehetra izay mahatonga ny olona ho halaim-panahy"

**raha asiana vato be eo amin'ny vozony ka atsipy**

DH: "raha hanisy vato be eo amin'ny vozony izy ireo ary hanipy azy" na "raha misy olona manisy vato mavesatra eo amin'ny vozony ka manosika azy"

**ho azy ... eo amin'ny vozony ... toy izay**

Ireo teny ireo dia maneho ny vehivavy sy lehilahy.

**vato be**

Ity dia lehibe, vato boribory mavesatra ampiasaina hitotoana voam-bary ho lafarinina. DH: "vato mavesatra"

**ireo madinika ireo**

Ity dia maneho ireo olona izay mbola malemy finoana. DH: "ireo olona izay kely finoana"

**hahatafintohina**

Ity dia fomba hanehoana ny fahotana tsy nahy.

**Luke 17:3****Raha manota ny rahalahinareo**

Ity dia fanambarana izay miresaka momban'ny hetsika izay mety hitranga amin'ny ho avy.

**ny rahalahinareo**

Ny "rahalahy" eto dia nampiasaina amin'ny hevitra hoe olona mitovy finoana. DH: "namana mpino"

**teneno mafy izy**

"teneno mafy izy fa diso ny nataony" na "ahitsio izy"

**raha manota aminao impito izy**

Ity dia zavatra ho avy. Mety tsy hitranga mihintsy izany, fa na dia mitranga aza, dia Jesosy milaza amin'ny olona mba hamela.

**impito ao anatin'ny andro**

Ny isa 7 ao amin'ny Baiboly dia famantarana ho an'ny fahafenoana. DH: "imbetsaka ao anatin'ny andro iray"

**Luke 17:5****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Misy fihatoana kely amin'ny fampianaran'i Jesosy raha miresaka aminy ireo mpianatra. Avy eo Jesosy manohy ny fampianarana.

**Ampitomboy ny finoanay**

"miangavy mba omeo finoana misimisy kokoa izahay" na "miangavy mba ampio finoana misimisy kokoa ny finoanay"

**Raha manana finoana ohatran'ny voatsinampy ianareo**

Ny "voatsinampy" dia voa faran'izay madinika. Jesosy milaza fa izy ireo dia tsy nanana na dia finoana kely fotsiny aza. DH: "Raha nanana finoana ianareo na dia kely toy ny voatsinampy aza"

**amin'io voroihazo io**

Raha tsy fantatra ity karazan-kazo ity, dia mety hanampy ny fanoloana amin'ny karazan-kazo hafa. DH: "'hazon'aviavy" na "hazo"

**Miongota, ary maniria any an-dranomasina**

DH: "esory ny fakanao ary ampanirio any an-dranomasina" na "esory hiala amin'ny tany ny fakanao, ary apetraho any ambanin'ny ranomasina"

**hanaiky anareo izy**

"hanaiky anareo ilay hazo." Raha manam-pinoana ihany izy ireo vao hitranga izany.

**Luke 17:7****Fa iza aminareo ... ka hiteny aminy ... mipetraka mba hihinana?**

Jesosy mametra-panontaniana ireo mpianany mba hanampiana azy ireo hieritreritra momban'ny andraikitry ny mpanompo. DH: "Fa ianareo rehetra ... tsy hiteny aminy ... mipetraka mba hihinana"

**mpanompo miasa tany na miandry ondry**

"mpanompo izay miasa ny taninao na mikarakara ny ondrinao"

**Fa tsy hiteny aminy ve izy hoe ... mihinana sy misotro?**

Jesosy mampiasa fanontaniana fanindroa hanazavana ny fomba hitondran'ireo mpianatra ny mpanompo raha ny marina. DH: "Azo antoka fa hiteny azy izy hoe ... mihinana sy misotro?"

**asio fehikibo manodidina ny ankanjonao dia manompoa ahy**

"miankanjoa tsara ary karakara aho." Ny olona dia mamatotra tsara ny ankanjon'izy ireo manodidina ny valahany mba tsy hamingana azy ireo ny ankanjony rehefa miasa.

**Dia avy eo**

"Avy eo ianao manompo ahy"

**Luke 17:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fampianaran'i Jesosy. Ity no faran'ity fizarana ao amin'ny tantara ity.

**Tsy misaotra ilay mpanompo izy ... nibaikoana azy izy, sa misaotra izy?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hampisehoana ny fomba fitondràn'ny olona ireo mpanompo. DH: "Tsy hisaotra ilay mpanompo izy ... nibaikoana azy izy"

**ireo izay nibaikoana azy**

DH: "ireo zavatra izay nibaikoanao azy ho atao"

**ianareo koa**

Jesosy miresaka amin'ireo mpianany.

**nandidiana anareo**

DH: "izay nandidin'Andriamanitra anareo"

**Izahay dia mpanompo tsy mendrika**

Ity dia filaza-masaka mba hanehoana fa izy ireo dia tsy nanao na inona na inona mendri-piderana. DH: "Mpanompo tsotra izahay" na "Izahay mpaompo dia tsy mendrika ny fideranao"

**Luke 17:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Jesosy manasitrana lehilahy 10 amin'ny habokana. Ireo andininy faha 11 sy 12 dia manome fampahafantarana fototra sy ny fizotry ny tantara.

**Ary**

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara. Raha manana fomba fanaovana izany ny fiteninao, dia ampiasao eto izany.

**raha nandeha ho any Jerosalema Izy**

"raha nandeha ho any Jerosalema Jesosy sy ireo mpianatra"

**nisy boka folo lahy nifanena taminy tao**

DH: "nisy lehilahy folo voan'ny habokana nifanena taminy"

**Nitsangana lavitra Azy izy ireo**

Ity dia fihetsika feno fanajana, satria ny boka dia tsy nahazo alalana hanatona olona hafa.

**nanandratra avo ny feon'izy ireo**

Ity dia midika hoe miteny mafy. DH: "niantso tamin'ny feo avo"

**mamindrà fo aminay**

Nangataka ho sitranina manokana izy ireo. DH: "miangavy mba hampisehoy famindram-po izahay amin'ny fanasitrana anay"

**Luke 17:14****ampisehoy amin'ireo mpisorona ny tenanareo**

Ny boka dia nangatahina ho hamarinin'ireo mpisorona raha sitrana. DH: "misehoa amin'ny mpisorona mba handinihana anareo"

**dia nadio**

Rehefa nositrana ny olona, dia tsy maloto ara-pomba intsony. DH: "lasa nadio izy ireo rehefa nositrana tamin'ny habokany" na "sitrana tamin'ny habokany izy ireo"

**nahita fa sitrana izy**

"nahatsapa fa sitrana izy" na "nahatsapa fa nositrana'i Jesosy izy"

**dia niverina**

"niverina tany amin'i Jesosy"

**Niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy**

"nandohalika izy ary nampiankohoka ny tavany teo an-tongotr'i Jesosy." Nanao izany izy ho fanomezam-boninahitra an'i Jesosy.

**Luke 17:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ny fizaran'ny tantara momban'ny fanasitrana'i Jesosy ireo boka 10.

**Jesosy namaly hoe**

Jesosy namaly izay nataon'ilay lehilahy, fa ireo vondron'olona nanodidina Azy no noresahany. DH: "Noho izany Jesosy niteny tamin'ny vahoaka hoe"

**Tsy efa voadio ve izy folo?**

Nampiasa fanontaniana Jesosy mba hampisehoany ny olona manodidina Azy fa taitra sy diso fanantenana Izy hoe iray tamin'ireo folo ihany no niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra. DH: "Lehilahy folo no sitrana" na "Andriamanitra nanasitrana lehilahy folo"

**Fa aiza ny sivy?**

""Nahoana no tsy niverina ireo sivy hafa?" DH: ""Tokony niverina ihany koa ireo lehilahy sivy hafa"

**Tsy nisy hafa niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra ve, afa-tsy ity vahiny ity?**

DH: "Tsy nisy afa-tsy ity lehilahy vahiny ity no niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra" na "Andriamanitra nanasitrana lehilahy folo, nefa ity vahiny ity ihany no niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra"

**ity vahiny ity**

Ireo Samaritana dia nanana razambe izay tsy Jiosy ary tsy nankalaza an'Andriamanitra tahaka ny fomba nataon'ny Jiosy izy ireo.

**Ny finoanao no nahasitrana anao**

"Nohon'ny finoanao dia sitrana ianao." Ny hevitra ny hoe "finoana" dia afaka resahina toy ny hoe "mino." DH: "Satria mino ianao, dia sitrana indray"

**Luke 17:20****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Tsy fantantsika hoe aiza izany no miseho; fa fotsiny hoe indray andro rehefa niresaka tamin'ireo Fariseo Jesosy.

**Raha nanontanian'ireo Fariseo hoe rahoviana ny fanjakan'Andriamanitra no ho tonga**

Ity no fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara. Ny fandikan-teny sasany dia manomboka izany amin'ny hoe "Indray andro." DH: "Indray andro ireo Fariseo nanontany an'i Jesosy hoe: "Rahoviana no ho tonga ny fanjakan' Andriamanitra?"

**Tsy taza-maso ny fihavian'ny fanjakan' Andriamanitra**

Ny olona nieritreritra fa ho afaka ny hahita famantarana ny fanjakana ho avy izy ireo. DH: "ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy tonga miaraka amin'ny famantarana izay afaka itan'ny olona.

**ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo**

Ny hevitra ny hoe "fanjakana" dia afaka atao hoe "'manapaka." DH: "Manapaka ao anatinareo Andriamanitra"

**ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo**

Ireo dikateny azo atao: 1) Ny teny hoe "ianareo" dia maneho ny olona amin'ny ankapobeny. DH: "ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatin'ny olona" na 2) ny teny adika hoe "anatinareo" dia midika hoe "eo aminareo." DH: "ny fanjakan'Andriamanitra dia eo aminareo"

**Luke 17:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka mampianatra ireo mpianany.

**Avy ny andro**

Ny hevitra ny hoe avy ny andro dia maneho zavatra hitranga tsy ho ela. DH: "Tsy hoe ela"

**hanirianareo ny hahita**

"ianareo dia maniry fatratra ny hahita" na "ianareo dia maniry te-hiaina"

**iray amin'ny andron'ny Zanak'Olona**

Ity dia maneho ny fanjakan'Andriamanitra. DH: "iray amin'ireo andro izay hanapahan'ny Zanak'Olona tahaka ny mpanjaka"

**ny Zanak'Olona**

Ny tenany ihany no ambaran'i jesosy.

**fa tsy hahita izany ianareo**

"tsy hiaina izany ianareo"

**Jereo, ery! Jereo, ety!**

Ity dia maneho ny fitadiavana ny Mesia. DH: "Jereo, ery ilay Mesia! Eto izy!"

**aza mivoaka na manenjika azy ireo**

DH: "aza mijery izany miaraka amin'izy ireo"

**fa tahaka ny tselatra mamiratra manazava**

Ny fihavian'ny Zanak'Olona dia hazava sy tampoka, toy ny fisohon'ny tselatra. DH: "fa tahaka ny tselatra hitan'ny rehetra rehefa miseho sy" na "fa tahaka ny tselatra miseho tampoka"

**dia toy izany koa ny Zanak'Olona amin'ny androny**

Ity dia maneho ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny ho avy. DH: "ho toy izany amin'ny andro rehefa avy hanjaka ny Zanak'Olona"

**Luke 17:25****Fa voalohany dia tsy maintsy mijaly izy**

"Fa voalohany ny Zanak'Olona dia tsy maintsy mijaly." Jesosy miresaka momban'ny tenany ihany.

**ho lavin'ity taranaka ity**

DH: "ny olon'ity taranaka ity dia tsy maintsy handà Azy"

**Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Noah**

Ny "andron'i Noah" dia maneho ny fotoana nandritry ny fiainan'i Noah talohan'ny nanafaizan'Andriamanitra ny olona teto amin'izao tontolo izao. DH: "Tahaka ny nataon'ny olona tamin'ny andron'i Noah"

**no hiseho koa amin'ny andron'ny Zanak'Olona**

Ny "andron'ny Zanak'Olona" dia maneho ny fotoana mialohan'ny hatongavan'ny Zanak'Olona. DH: "hitovy ny zavatra ataon'ny olona amin'ny andron'ny Zanak'Olona" na "Hitovy ny zavatra ho aton'ny olona rehefa ho avy ny Zanak'Olona"

**Nihinana izy ireo, nisotro, nanambady, natolotra ho ampakarina**

Nanao zavatra fanao isan'andro ny olona. Tsy fantatr'izy ireo na norarahian'izy ireo fa andalam-pitsarana azy ireo Andriamanitra.

**natolotra ho ampakarina**

DH: "ireo ray aman-dreny dia namela ny zanaka vavin'izy ireo hanambady lehilahy"

**sambofiara**

"sambo"

**nandringana azy rehetra**

Tsy ao anatin'izany Noah sy ny fianakaviany izay tao anaty arka. DH: "nandringana ireo rehetra tsy tao anaty sambo"



**Luke 17:28****Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Lota**

Ny "andron'i Lota" dia maneho ny fotoana talohan'ny nanasazian'Andriamanitra ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora. DH: "ohatra hafa ny nitrangan'izany tamin'ny andron'i Lota" na "tahaka ny nataon'ny olona tamin'ny niainan'i Lota"

**nihinana sady nisotrao izy ireo**

"ny olon'i Sodoma dia nihinana sy nisotro"

**afo sy solifara no nilatsaka avy tany an-danitra**

"afo sy solifara mandoro no nianjera avy eny an-danitra toy ny orana"

**nandringana azy rehetra**

Tsy ao anatin'izany Lota sy ny fianakaviany. DH: "namotika ireo rehetra nijanona tao an-tanàna"

**Luke 17:30****Dia ohatran'izany ihany koa**

"ho tahaka izany koa." DH: "tsy ho vonona tahaka izany koa ny olona"

**amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'Olona**

DH: "rehefa hiseho ny Zanak'Olona" na "rehefa avy ny Zanak'Olona"

**ny Zanak'Olona**

Ny tenany ihany no ambaran'i Jesosy. DH: "Izaho, Zanak'Olona"

**aza avela hidina izay eny amin'ny tampon-trano**

"na iza na iza eny an-tampon-trano dia tokony tsy midina izy" na "raha misy olona eny amin'ny tampon-tranony, dia tsy tokony hidina izy"

**eny amin'ny tampon-trano**

Ny tampon-tranon'izy ireo dia fisaka ary afaka mandeha na mipetraka eo ny olona.

**ireo entany**

"ireo fananany" na "ireo zavatra ananany"

**hiverina**

Tsy tokony hiverina haka zavatra any an-trano izy ireo. Mila mitsaoka faingana izy ireo.

**Luke 17:32****Tadidio ny vadin'i Lota**

"Tadidio izay nitranga tamin'ny vadin'i Lota!" Ity dia fampitandremana. Nitodika nijery an'i Sodoma izy ary nosazian'Andriamanitra izy niaraka tamin'ireo olon'i Sodoma. DH: "Aza manao izay nataon'ny vadin'i Lota"

**Na iza na iza mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy**

"Ny olona izay miezaka manavotra ny ain'izy ireo dia hanary izany" na "na iza na iza manavotra ny fomba fiainany taloha dia hanary izany"

**fa na iza na iza hahavery ny ainy dia hamonjy azy**

"fa ny olona izay manary ny ain'izy ireo dia hanavotra izany" na "na iza na iza manary ny fomba fiainany taloha dia hanavotra izany"

**Luke 17:34****Milaza aminareo aho**

Raha manohy miresaka amin'ireo mpianany Jesosy, dia manamafy ny maha-zava-dehibe izay lazainy azy ireo Izy.

**amin'izany alina izany**

Ity dia maneho izay hitranga raha Izy, Zanak'Olona, no avy amin'ny alina.

**hisy olona roa eo ambonin'ny fandriana iray**

Ny fanamafisana dia tsy eo amin'ireo olona roa ireo, fa amin'ny zava-misy hoe hisy olona sasany ho alaina ary ireo hafa ho avela.

**ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela**

"Olona iray no ho alaina ary ilay olona iray ho avela eo." DH: "Andriamanitra dia haka olona iray ary hamela ny iray hafa" na "Ireo anjely dia haka iray ary hamela ny iray hafa"

**Hisy roa vavy miara-mitoto vary**

Ny fanamafisana dia tsy any amin'ireo roa vavy na ny ataon'izy ireo, fa amin'ny zava-misy hoe ny olona sasany dia ho alaina ary ireo hafa ho avela.

**miara-mitoto vary**

"miara-mitoto voam-bary"



## Chapter 18

<sup>1</sup> Avy eo Izy nilaza fanoharana tamin'izy ireo ny momba ny tokony hivavahan'izy ireo mandrakariva, ary tsy ho kivy, <sup>2</sup> niteny hoe: "Tao amin'ny tanàna iray dia nisy mpitsara izay tsy natahotra an'Andriamanitra ary tsy nanaja olona. <sup>3</sup> Ary nisy mpitondra-tena iray tao amin'io tanàna io, ary izy nankany aminy matetika, niteny hoe: 'Ampio aho mba hahazoako rariny manoloana ny fahavaloko.' <sup>4</sup> Fa efa hatry ny ela izy no tsy vonona ny hanampy azy, fa taoriana kelin'izany dia niteny tamin'ny tenany izy hoe: 'Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra aza aho na tsy manaja olona, <sup>5</sup> fa koa satria manahirana ahy ity mpitondra-tena ity, dia hanampy azy aho mba hahazoany rariny, mba tsy handreraka ahy nohon'ny fivezivezeny lava aty intsony izy.'" <sup>6</sup> Avy eo niteny ny Tompo hoe: "Henoy izay ambaran'ilay mpitsara tsy marina. <sup>7</sup> Ary tsy hitondra rariny ho an'izay voafidiny izay miantso mafy Azy andro aman'alina koa ve Andriamanitra? Hangatak'andro lava amin'izy ireo ve izy? <sup>8</sup> Lazaiko aminareo fa hitondra rariny faingana amin'izy ireo izy. Toy izany koa, rehefa tonga ny Zanak'Olona, hahita finoana ety an-tany tokoa ve Izy?" <sup>9</sup> Avy eo koa Izy nilaza izao fanoharana izao tamin'ny sasany izay nahatoky ny tenan'izy ireo fa hoe marina sy izay manevateva ireo olona hafa: <sup>10</sup> "Nisy roa lahy niakatra tao an-tempoly mba hivavaka \_ ny iray dia Fariseo ary ny iray hafa dia mpamory hetra." <sup>11</sup> Ilay fariseo nitsangana ary nivavaka ireto zavatra momban'ny tenany ireto hoe: 'Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mitovy amin'ny olona hafa \_ mpangalatra, olona tsy marina, mpijangajanga \_ na tahaka ity mpamory hetra ity aza. <sup>12</sup> Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho. Manome ny ampahafolon'izay azoko rehetra aho.' <sup>13</sup> Fa ilay mpamory hetra, nijoro teny alavitra, tsy nety nanandratra ny masony teny amin'ny lanitra akory, fa niteha-tratra, niteny hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko, mpanota.' <sup>14</sup> Milaza aminareo Aho, io lehilahy io dia niverina nidina tany an-tranony voamarina noho ilay iray, satria izay rehetra manandra-tena dia hahetry, fa izay rehetra manetri-tena no hasandratra." <sup>15</sup> Ny olona koa dia nitondra ny zanany kely teo Aminy, mba hikasihany azy ireo, fa rehefa nahita izany ireo mpianatra, dia niteny mafy azy ireo. <sup>16</sup> Fa Jesosy niantso azy ireo hanatona Azy, niteny hoe: "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo. Fa an'ny toa azy ireo ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>17</sup> Lazaiko marina aminareo, na iza na iza tsy handray ny fanjakan'Andriamanitra toy ny zaza dia tsy hiditra ao amin'izany mihintsy." <sup>18</sup> Ary nisy mpanapaka iray nanontany Azy, nanao hoe: "Mpampianatra tsara ô, inona no tsy maintsy hataoko mba handovako ny fiainana mandrakizay?" <sup>19</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Nahoana Aho no antsoinao hoe tsara? Tsy misy olona tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany. <sup>20</sup> Fantatrao ireo didy \_ Aza mijangajanga, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mijoro vavolombelona mandaingana, manaja ny rainao sy ny reninao." <sup>21</sup> Niteny ilay mpanapaka hoe: "Izany rehetra izany dia efa nankatoaviko hatry ny fony izaho tanora." <sup>22</sup> Rehefa naheno izany Jesosy, dia niteny taminy hoe: "zavatra iray no tsy ampy aminao. Tsy maintsy mivarotra izay rehetra anananao ianao ary mizara izany amin'ny mahantra, ary hanana harena any an-danitra ianao \_ ary avia, manaraha Ahy." <sup>23</sup> Fa rehefa naheno ireo zavatra ireo ilay mpanapaka, dia nanjary nalahelo loatra, fa nanan-karena be izy. <sup>24</sup> Ary Jesosy, nahita azy, nanjary nalahelo mafy <sup>[1]</sup> ary niteny hoe: "Manao ahoana ny fahasrotan'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ho an'ireo izay mpanan-karena! <sup>25</sup> Fa moramora kokoa ho an'ny rameva ny hiditra amin'ny vodim-panjaitra, nohon'ny hidiran'ny olona mpanan-karena iray ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>26</sup> Ireo izay naheno izany dia niteny hoe: "Iza ary no afaka ho vonjena?" <sup>27</sup> Jesosy namaly hoe: "ireo zavatra izay tsy hain'olombelona dia hain'Andriamanitra." <sup>28</sup> Petera niteny hoe: "Indro, nandao ny zavatra rehetra izay anay izahay ary nanaraka Anao." <sup>29</sup> Ary Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa tsy misy olona izay nahafohy trano, na vady, na rahalahy, na ray aman-dreny, na zanaka, nohon'ny fanjakan'Andriamanitra, <sup>30</sup> izay tsy hahazo bebe kokoa amin'ity izao tontolo izao ity, ary amin'ny andro ho avy, dia fiainana mandrakizay." <sup>31</sup> Rehefa avy nanangona ny roa ambin'ny folo lahy teo Aminy Izy, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Indro, miakatra ho any Jerosalema isika, ka ireo zavatra rehetra izay voasoratr'ireo mpaminany momban'ny Zanak'Olona dia ho tanteraka. <sup>32</sup> Fa hatolotra eo amin'ireo Jentilisa Izy, ka hihomehezana, sy halana baraka, ary ho roràna. <sup>33</sup> Aorian'ny hikapohana Azy, dia ho vonoin'izy ireo Izy ary amin'ny andro fahatelo dia hitsangana indray Izy." <sup>34</sup> Tsy nahatakatra na inona na inona tamin'ireo zavatra ireo izy ireo, ary nafenina tamin'izy ireo izany teny izany, ary tsy azon'izy ireo ny zavatra izay voalaza. <sup>35</sup> Ary raha nanakaiky an'i Jeriko i Jesosy, dia nisy lehilahy jamba iray nipetraka teo an-tsisin-dalana nangataka, <sup>36</sup> ary raha nandre ny vahoaka nandalo, dia nanontany izay zavatra nitranga izy. <sup>37</sup> Nilaza taminy izy ireo hoe nandalo teo Jesosy avy any Nazareta. <sup>38</sup> Koa niantso mafy ilay lehilahy jamba, nanao hoe: "Jesosy, Zanak'i Davida, mamindrà fo amiko." <sup>39</sup> Fa ireo izay nandeha nialoha dia niteny mafy an'ilay lehilahy jamba, ka niteny taminy mba hangina. Fa izy vao maika niantsoantso mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida, mamindrà fo amiko." <sup>40</sup> Jesosy nijanona ary nandidy ny mba hitondrana ilay lehilahy ho eo aminy. Ary rehefa teo akaiky ilay lehilahy

jamba, dia nanontany azy Jesosy hoe: <sup>41</sup> "Inona no tianao hataoko ho anao?" Niteny izy hoe: "Tompo, te-hahiratra aho." <sup>42</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Mahiràta. Ny finoanao no nahasitrana anao." <sup>43</sup> Teo noho eo dia nahiratra izy ary nanaraka Azy, nanome voninahitra an' Andriamanitra. Ny olona rehetra, rehefa nahita izany, dia nanolotra fiderana ho an'Andriamanitra.

## Footnotes

18:24 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo manam-pahaizana dia misara-kevitra raha tokony ho ampidirina eto ny teny hoe: [Izy] dia nanjary nalahelo mafy. Ampitahao ny And 23

## Luke 18:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy manomboka milaza fanoharana raha manohy mampianatra ireo mpianany Izy. Ity dia mbola ao anatin'ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 17:20. Ny andininy 1 dia manome famaritana antsika ny amin'ny fanoharana izay ho lazain'i Jesosy.

### Avy eo Izy

"Avy eo Jesosy"

**tokony hivavahan'izy ireo mandrakariva, ary tsy ho kivy**  
Ireo dia manana dika mitovitovy, izay nampiasain'i Jesosy mba hanamafisana ny heviny. Ny fiteny sasany dia manana fomba fanamafisana samihafa. DH: "tokony hivavaka foana izy ireo"

### niteny hoe

Afaka atao hanombohana fehezanteny vaovao koa ity: "Hoy Izy hoe"

### tanàna iray

Eto ny "tanàna iray" dia fomba hitondrana ny mpihaino hahafantatra fa ny fitantarana manaraka eo dia any amin'ny tanàna iray, fa tsy zava-dehibe ny anarany.

### tsy nanaja olona

"tsy niraharaha izay momban'ny olona hafa"

## Luke 18:3

### Ary nisy mpitondra-tena

Jesosy mampiasa ity fehezanteny ity mba hampidirana mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

### mpitondratena

Ny mpitondratena dia vehivavy maty vady. Ireo mpihaino an'i Jesosy dia nieritreritra fa tsy izy dia olona tsy nanana na iza na iza hiaro azy amin'ireo izay te-hanao ratsy azy.

### nankany aminy matetika

Ny hoe "amin'ny" dia maneho ilay mpitsara.

### ampio aho mba hahazo rariny manoloana

"omeo fitsarana marina manoloana ny ... aho"

### ny fahavaloko

"ny olona izay miezaka manao ratsy ahy." Ity dia fahavalo ao amin'ny fitoriana. Tsy mazava raha ilay mpitondratena no mitory ilay lehilahy na ilay lehilahy no mitory ilay mpitondratena.

### olona

Ity dia maneho ny olona amin'ny ankapobeny.

### manahirana ahy

"manakorontana ahy"

### nohon'ny fivezivezeny lava

"amin'ny fankanesana aty amiko foana"

## Luke 18:6

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Tapitra ny filazan'i Jesosy ny fanoharany ary manome hevitra momban'izany amin'ireo mpianany Izy izao.

### Henoy izay ambaran'ilay mpitsara tsy marina

"Eritrereto ny momba izay nolazain'ilay mpitsara tsy marina." Adikao amin'ny fomba hahazoan'ny olona ity hoe efa nolazain'i Jesosy izay nambaran'ilay mpitsara.

### Ary

Ity teny ity dia manondro fa Jesosy dia namarana ny fanoharany ary nanomboka nanazava ny dikan'izany.

### Moa tsy hitondra ... ve Andriamanitra?

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpianatra. DH: "Andriamanitra ihany koa dia azo antoka fa ... andro aman'alina!"

### izay voafidiny

"ny olona izay nofidiany"

### Hangatak'andro lava amin'izy ireo ve izy?

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpianany. DH: "Azo antoka fa tsy hangatak'andro amin'izy ireo izy!"

**tonga ny Zanak'Olona**

Ny tenany ihany no ambaran'i Jesosy. DH: "Izaho, Zanak'Olona"

**hahita finoana ety an-tany tokoa ve Izy?**

Ny tanjon'ilay fanoharana dia ny hampaherezana ireo mpianatra mba hino sy hivavaka hatrany. Na izany aza, ny endrik'ilay fanontaniana dia manondro fa ny valin-teny andrasana dia valin-teny mandà. DH: "olona maro tsy mino no ho itany ety an-tany"

**Luke 18:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka milaza fanoharana hafa amin'ireo olona hafa sasany izay resy lahatra fa marina mihintsy izy ireo.

**Avy eo Izy**

"Avy eo Jesosy"

**sasany**

"olona sasany"

**izay nahatoky ny tenan'izy ireo ho marina**

"izay resy lahatra amin'ny fahamarinan'izy ireo manokana" na "izay nieritreritra fa marina izy ireo"

**nanevateva**

"tsy nanome lanja" na "nieritreritra fa izy ireo dia tsara kokoa noho ny"

**tao an-tempoly**

"eo amin'ny kianjan'ny tempoly"

**Luke 18:11****Ilay Fariseo nitsangana ary nivavaka ireto zavatra momban'ny tenany ireto hoe**

Dika azo heverina: "Ilay Fariseo nitsangana ary nivavaka momban'ny tenany tamin'izao fomba izao"

**mpangalatra**

Ny mpangalatra dia olona mangalatra zavatra amin'ny fanerena olona hanome izany azy, na amin'ny fampitahorana hanerena azy ireo.

**na tahaka ity mpamory hetra ity aza**

Ireo Fariseo dia nino fa ireo mpamory hetra dia mpanota toy ny mpangalatra, olona tsy marina, ary mpijangajanga. DH: "ary izaho dia mino fa tsy tahaka ity mpamory hetra mpanota izay mamitak'olona ity!"

**izay rehetra azoko**

"ny zavatra rehetra izay azoko"

**Luke 18:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny filazan'i Jesosy ny fanoharany. Ao amin'ny andininy faha14, dia maneho hevitra momban'izay ampianarin'ilay fanoharana Izy.

**nijoro teny alavitra**

"nitsanga lavitr'ilay Fariseo." Ity dia famantarana ny fanetre-tena. Tsy nahatsapa mendrika ho eo akaikin'ilay Fariseo Izy.

**nanandratra ny masony teny amin'ny lanitra**

Ny "nanandratra ny maso" dia midika hoe mijery zavatra. DH: "nijery nankany amin'ny lanitra" na "nijery ambony"

**niteha-tratra**

Ity dia fanehoana ara-batana ny alahelo lehibe, ary mampiseho ny fibebahana sy fanetre-ten'ity lehilahy ity. DH: "niteha-tratra mba hampisehoana ny alahelony"

**Andriamanitra o! mamindrà fo amiko, mpanota**

"Andriamanitra o, mba mamindrà fo amiko, na dia mpanota be aza aho" na "Andriamanitra o, mamindrà fo amiko. Mpanota be aho"

**io lehilahy io dia niverina nidina tany an-tranony voamarina**

Voamarina izy satria navelan'Andriamanitra ny fahotany. DH: "Navelan'Andriamanitra ilay mpamory hetra"

**noho ilay iray**

"noho ilay lehilahy iray hafa" na "fa tsy ilay lehilahy hafa." DH: "fa Andriamanitra tsy namela ilay Fariseo"

**satria izay rehetra manandra-tena dia hahetry**

Amin'ity fehezanteny ity, dia miala amin'ilay tantara Jesosy mba hamaritana ny fitsipika ankapobeny izay asehon'ilay tantara.

**dia hahetry**

DH: "hahetrin'Andriamanitra"

**hasandratra**

DH: "homen'Andriamanitra voninahitra be"

**Luke 18:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no hetsika manaraka ao amin'ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 17:20. Jesosy mandray ireo ankizy ary miresaka nyb momban'izy ireo.

**hikasihany azy ireo, fa**

Afaka atao fehezanteny roa samihafa koa ity: "hikasihany azy ireo. Fa"

**niteny mafy azy ireo**

"niezaka hanakana ireo ray aman-dreny tamin'ny fitondrana ny zanak'izy ireo ho eny amin'i Jesosy ireo mpianatra"

**Fa Jesosy niantso azy ireo hanatona Azy**

"Jesosy niteny ny olona mba hitondra ny zanak'izy ireo hanken'ny Aminy"

**Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia manana dika mitovitovy ary natambatra mba hanamafisana. Ny fiteny sasany dia manamafy amin'ny fomba hafa. DH: "ianareo dia tokony hamela ny zaza hanatona Ahy"

**an'ny toa azy ireo**  
DH: "an'ny olona izay tahaka ireo zaza ireo"

**Lazaiko marina aminareo**  
"Tena lazaiko aminareo." Jesosy nampiasa ity fomba fiteny ity mba hanamafisana ny maha-zava-dehibe izay lazainy manaraka eo.

**na iza na iza tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra toy ny zaza dia tsy hiditra ao amin'izany mihintsy**  
Andriamanitra dia mitaky ny olona hanaiky ny fitsipiny amin'izy ireo am-pahatokiana sy am-panetre-tena. DH: "na iza na iza te-hiditra ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy maintsy mandray izany am-pahatokiana sy fanetre-tena tahaka ny zaza"

## Luke 18:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ity no hetsika manaraka ao amin'ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 17:20. Jesosy manomboka miresaka amin'ny mpanapaka iray momban'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.

**nisy mpanapaka iray**  
Ity dia mampiditra mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara. Mamaritra azy amin'ny toerana misy azy fotsiny izany.

**inona no tsy maintsy hataoko**  
"inona no tokony ataoko" na "inona no takiana amiko"

**mba handovako ny fiainana mandrakizay**  
"handraisana fiainana izay tsy mety tapitra." Ny teny hoe "mandova" dia maneho foana ny fananana izay avelan'ny lehilahy iray ho an'ireo zanany rehefa maty izy. Noho izany, ity sariteny ity dia mety midika hoe azon'ny tenany fa zanak'Andriamanitra izy ary naniry an'Andriamanitra hanome azy ny fiainana mandrakizay"

**Nahoana Aho no antsoinao hoe tsara? Tsy misy olona tsara, afa-tsy Andriamanitra irery**  
Jesosy manontany ilay mpanapaka raha tsapany fa ny fiantsoana an'i Jesosy hoe "tsara" dia milaza fa Jesosy no Andriamanitra. DH: "'fantatrao fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery. Nahoana ianao no miantso Ahy hoe tsara?" na "Fantatrao fa tsy misy tsara afa-tsy Andriamanitra irery. Azonao ve izay lazainao rehefa miantso Ahy hoe tsara ianao?"

**Izany rehetra izany**  
"izany didy rehetra izany"

## Luke 18:22

**Rehefa naheno izany Jesosy**  
"rehefa naheno ilay lehilahy niteny izany Jesosy"

**niteny taminy hoe**  
"namaly azy Izy hoe"

**zavatra iray no tsy ampy aminao**  
"mbola mila manao zavatra iray fanampiny ianao" nan "Misy zavatra iray mbola tsy vitanao"

**mivarotra izay rehetra hanananao**  
"mivarotra ny fanananao rehetra" na "mivarotra ny zavatra rehetra izay anao"

**mizara izany amin'ny mahantra**  
"manome ilay vola ho an'ny olona mahantra"

**hanana harena any an-danitra ianao**  
Ny "harena any an-danitra" eto dia maneho ny fitahian'Andriamanitra. DH: "hanana ny fitahian' Andriamanitra any an-danitra ianao"

**avia, manaraha Ahy**  
"ndeha hanaraka Ahy toy ny mpianatro"

## Luke 18:24

**Manao ahoana ny fahasarotan'ny ... mpanan-karena**  
Ity dia fanamafisana fa tsy fanontaniana. DH: "'Saroitra ho an'ny ... fanjakan'Andriamanitra!"

**an'ny rameva ny hiditra amin'ny vodim-panjaitra**  
Ny rameva dia tsy afaka ny hiditra amin'ny vodim-panjaitra. Noho izany, hita fa mety nampiasa fanoharana Jesosy mba handikana fa tena sarotra ho an'ilay lehilahy manan-karena ny hiditra ny fanjakan'Andriamanitra.

**vodim-panjaitra**  
Ny vodim-panjaitra dia ilay lavaka eo amin'ny fanjaitra izay hampidirana ny kofehy.

## Luke 18:26

**Ireo izay naheno izany dia niteny hoe**  
"Ny olona izay nihaino an'i Jesosy dia niteny hoe"

**Iza ary no afaka ho vonjena?**  
Azo eritreretina fa nangataka valin-teny izy ireo. Fa nampiasa ilay fanontaniana kokoa izy ireo mba hanamafisana ny fahatairan'izy ireo tamin'izay volazan'i Jesosy. DH: "Tsy hisy afaka ho vonjena amin'ny fahotana!" na "Tsy hamonjy na iza na iza Andriamanitra!"

**tsy hain'olombelona**  
"tsy hain'ny olona atao"

**hain'Andriamanitra**  
"hain'Andriamanitra atao" na "afaka ataon' Andriamanitra"

**Luke 18:28****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ny resaka momban'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra.

**Indro, izahay**

Ity dia maneho ireo mpianatra fotsiny, ary mampifanohitra azy ireo amin'ilay lehilahy mpanankarena.

**nandao ny zavatra rehetra**

"namela ny zavatra rehetra"

**ny zavatra rehetra izay anay**

"ny harenanay rehetra" na "ny fanananay rehetra"

**Lazaiko marina aminareo**

Jesosy nampiasa ity fomba fiteny ity mba hanamafisana ny maha-zava-dehibe izay ho lazainy.

**tsy misy olona**

Ity fomba fiteny ity dia natao hampidirana ireo mpianatra, fa mampiditra ny rehetra izay nanao sorona mitovy koa.

**tsy misy olona izay nahafoy ... izay tsy hahazo**

DH: "Izay rehetra nahafoy ... dia hahazo"

**ary amin'ny andro ho avy, dia fiainana mandrakizay**

"ary koa fiainana mandrakizay amin'ny andro ho avy"

**Luke 18:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no hetsika manaraka ao amin'ity fizaran'ny tantara ity izay nanomboka tao amin'ny 17:20. Jesosy miresaka irery amin'ireo mpianany.

**nanangona ny roa ambin'ny folo lahy teo Aminy**

Ity dia midika fa Jesosy nitondra ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany amin'ny toerana izay tsy nisy ireo olona hafa.

**Indro**

Ity dia manondro fiovàna manan-danja amin'ny asa fanompoan'i Jesosy raha nandeha nankany Jerosalema ho amin'ny fotoana farany Izy.

**izay voasoratr'ireo mpaminany**

DH: "izay nosoratan'ireo mpaminany"

**ireo mpaminany**

Ity dia maneho ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha.

**Zanak'Olonà**

Jesosy miresaka ny tenany hoe "Zanak'Olonà." DH: "Izaho, Zanak'Olonà"

**ho tanteraka**

DH: "Hitranga" na "Hiseho"

**Fa hatolotra eo amin'ireo Jentilisa Izy**

DH: "Fa ireo mpitarika Jiosy dia hanolotra Azy amin'ireo Jentilisa"

**hihomehezana, sy halana baraka, ary ho roraina**

DH: "hihomehy Azy izy ireo, hanala baraka Azy, ary handrora Azy"

**amin'ny andro fahatelo**

Ity dia maneho ny andro fahatelo aorian'ny hafatesany. Na izany aza, tsy mbola azon'ireo mpianatra izany, noho izany dia tsara kokoa ny tsy manampy ity fanazavana ity rehefa mandika ity andininy ity.

**Luke 18:34****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity andininy ity dia tsy ao anatin'ny fizarana ao amin'ny tantara fototra, fa kosa fanehoan-kevitra momban'ity fizaran'ny tantara ity.

**ireo zavatra ireo**

Ity dia maneho ny famaritan'i Jesosy ny fomba hijaliany sy hafatesany ao Jerosalema, ary fa Izy dia hitsangana amin'ny maty.

**nafenina tamin'izy ireo izany teny izany**

DH: "Andriamanitra nanakana azy ireo hahazo ny dikan'izay nolazainy azy ireo"

**ny zavatra izay voalaza**

DH: "ireo zavatra izay nolazain'i Jesosy"

**Luke 18:35****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Jesosy manasitrana lehilahy jamba iray raha manatona an'i Jeriko Izy. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra sy fampahafantarana momban'ny fizotry ny tantara.

**Ary**

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

**nisy lehilahy jamba iray nipetraka**

Eto ny "iray" dia midika fotsiny fa ilay lehilahy dia mpandray anjara vaovao manan-danja ao amin'ny tantara fa tsy notononin'i Lioka ny anarany. Mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara izy.

**nangataka, ary raha nandre**

Mety manampy ny fanombohana fehezanteny vaovao eto. DH: "nangataka. Rehefa naheno"

**nilaza taminy izy ireo hoe**

"Ny olona tao amin'ny vahoaka niteny ilay lehilahy jamba"

**Jesosy avy any Nazareta**

Jesosy tonga avy any amin'ny tanànan'i Nazareta izay any Galilia.

**nandalo teo**

"nandalo teo aminy"

**Luke 18:38**

**Koa**

Ity teny ity dia manamarika hetsika vaovao izay nitranga nohon'ny zavatra hafa izay nitranga voalohany. Amin'ity, ny vahoaka nilaza ilay lehilahy jamba fa nandalo teo Jesosy.

**niantso mafy**

"nihiakiaka mafy"

**Zanak'i Davida**

Jesosy dia taranak'i Davida, mpanjaka manan-danja indrindra an'Isiraely.

**mamindrà fo amiko**

"hampisehoy fangorahana aho"

**Ireo izay nandeha nialoha**

"Ireo olona izay nandeha nanoloana ny vahoaka"

**mba hangina**

"mba tsy hikiakiaka"

**Luke 18:40**

**ny mba hitondrana ilay lehilahy ho eo Aminy**

DH: "mba hitondran'ny olona ilay lehilahy jamba ho eo Aminy"

**te-hahiratra aho**

"mba ho afaka ny hahita"

**Luke 18:42**

**Mahiràta**

Ity dia filaza mandidy, saingy tsy nangataka ilay lehilahy hanao na inona na inona. Sitrana izy vokatr'ilay baiko.

**Ny finoanao no nahasitrana anao**

Ny finoan'ilay lehilahy no antony nahasitrana azy, fa tsy ilay fomba fanasitranany. DH: "Nositraniko ianao satria nino Ahy"

**nanome voninahitra an'Andriamanitra**

"nankalaza an'Andriamanitra"

**nahita izany**

"rehefa nahita izany izy ireo"



## Chapter 19

<sup>1</sup> Niditra Jesosy ary nandalo an'i Jeriko. <sup>2</sup> Indro, nisy lehilahy izay nantsoina hoe Zakaiosy teo. Izy dia lehiben'ny mpamory hetra sady nanan-karena. <sup>3</sup> Niezaka ny hahita izy hoe iza Jesosy, kanefa tsy afaka nahita tao anaty vahoaka, satria fohy izy. <sup>4</sup> Koa nihazakazaka nialoha ireo olona izy ary nihanika hazon'aviavy anankiray mba hahita Azy, satria handalo amin'izany lalana izany Jesosy. <sup>5</sup> Nony tonga teo amin'ilay toerana Jesosy, dia niandrandra Izy ka niteny taminy hoe: "Ry Zakaiosy, midina faingana, fa anio dia tsy maintsy hijanona ao an-tranonao Aho." <sup>6</sup> Dia nidina faingana izy ary nandray Azy tamim-pifaliana. <sup>7</sup> Rehefa nahita izany ny rehetra, dia nitaraina avokoa, niteny hoe: "Niditra hamangy lehilahy izay mpanota Izy" <sup>8</sup> Nitsangana Zakaiosy ka niteny tamin'ny Tompo hoe: "Jereo, ry Tompo, ny atsasaky ny fananako dia omeko ho an'ny mahantra, ary raha toa ka nisy zavatra nanambakako olona, dia honerako avo efatra heny." <sup>9</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Androany ny famonjena no tonga ato amin'ity tokantrano ity, satria izy koa dia zanak'i Abrahama. <sup>10</sup> Fa ny Zanak'Olona dia tonga mba hitady sy hamonjy ireo olona izay very." <sup>11</sup> Raha nandre izany zavatra izany izy ireo, dia nanohy niteny Izy ary nanao fanoharana anankiray, satria teo akaikin'i Jerosalema Izy, ary izy ireo nieritreritra fa hiseho teo noho eo ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>12</sup> Noho izany Izy dia niteny hoe: "Nisy tandapa iray nandeha tany an-tany lavitra mba hahazo fanjakana ho an'ny tenany ary hiverina avy eo. <sup>13</sup> Niantso folo lahy tamin'ireo mpanompony izy, ary nanome farantsa folo azy ireo, ary niteny tamin'izy ireo hoe: 'Manaova raharaham-barotra mandra-piveriko.'" <sup>14</sup> Kanefa ireo vahoakany nankahala azy ary nandefa solontena nanaraka azy, niteny hoe: 'Tsy ilainay ny hanjakan'io lehilahy io eto aminay.' <sup>15</sup> Ary rehefa niverina indray izy, avy nandray ny fanjakana, dia nandidy ireo mpanompony izay nomeny vola mba ho eo aminy izy, mba hahafatarany izay tombony azon'izy ireo tamin'ny fanaovana raharaham-barotra. <sup>16</sup> Tonga teo anoloany ny voalohany, niteny hoe: 'Tomo, ny farantsanao dia nahazo tombony farantsa folo mihoatra.' <sup>17</sup> Niteny azy ilay tandapa hoe: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara. Noho ianao nahatoky tamin'ny kely dia kely, dia hanam-pahefana amin'ny tanàna folo ianao.' <sup>18</sup> Tonga ilay faharoa, niteny hoe: 'Ny farantsanao, tomo, dia nahavita farantsa dimy.' <sup>19</sup> Ary niteny taminy ilay tandapa hoe: 'Hiandraikitra tanàna dimy ianao.' <sup>20</sup> Tonga ny iray hafa, niteny hoe: 'Tomo, indro ny farantsanao, izay notehiriziko tsara tao anaty lamba, <sup>21</sup> fa natahotra anao aho, satria lehilahy masiaka ianao. Ka maka izay tsy napetrakao, ary mijinja izay tsy nafafinao.' <sup>22</sup> Niteny taminy ilay tandapa hoe: 'Amin'ny teninao manokana no hitsaraka anao, ianao ry mpanompo ratsy fanahy. Fantatrao fa izaho dia lehilahy masiaka, maka izay tsy napetrako, ary mijinja izay tsy nafafiko.' <sup>23</sup> Koa nahoana no tsy napetrakao tany amin'ny mpitahiry vola ny volako, ka rehefa niverina aho dia ho nandray izany niaraka tamin'ny zanany?' <sup>24</sup> Ilay tandapa niteny tamin'ireo izay nijoro teo akaiky teo hoe: 'Esory aminy ny farantsa, ary omeo an'ilay manana ny farantsa folo.' <sup>25</sup> Ary hoy izy ireo taminy hoe: "Tomo, manana farantsa folo izy." <sup>26</sup> 'Izaho miteny aminareo, fa izay rehetra manana dia homena mihoatra, fa izay tsy manana, na dia izay ananany aza dia ho alaina. <sup>27</sup> Fa ireo fahavaloko, ireo izay tsy naniry ahy hanjaka eo amin' izy ireo, ento aty izy ireo ary vonoy eto anoloako.'" <sup>28</sup> Rehefa avy nilaza an'ireo zavatra ireo izy, dia nandeha nialoha, niakatra ho any Jerosalema. <sup>29</sup> Ary nony tonga teo akaikin'i Betifaga sy Betania Izy, teo amin'ny tendrombohitra antsoina hoe Oliva, dia naniraka ny roa tamin'ireo mpianany Izy, <sup>30</sup> niteny hoe: "Mandehana any amin'ny tanàna manaraka. Rehefa miditra ianareo, dia hahita zana-boriky iray mbola tsy notaingenan'olona mihitsy. Vahao izany dia ento aty amiko. <sup>31</sup> Raha misy manontany anareo hoe: 'Nahoana no vahanareo io?' dia lazao hoe: 'Misy ilàn'ny Tompo azy.' <sup>32</sup> Ireo izay nirahina dia nandeha ary nahita ilay zana-boriky araka ny nolazain'i Jesosy tamin'izy ireo. <sup>33</sup> Raha teo am-pamahana ny zana-boriky izy ireo, dia hoy ireo tompony tamin'izy ireo hoe: "Nahoana no vahanareo ny zana-boriky?" <sup>34</sup> Niteny izy ireo hoe: "Misy ilàn'ny Tompo azy." <sup>35</sup> Noentin'izy ireo tany amin'i Jesosy izany, ary napetrak'izy ireo teo ambonin'ny zana-boriky ny lambany ary nametraka an'i Jesosy teo amboniny. <sup>36</sup> Raha nandeha iny Izy, dia novelarin'izy ireo teo amin'ny lalana ny lamban'izy ireo. <sup>37</sup> Ary rehefa nanakaiky an'ilay toerana fidinana amin'ny Tendrombohitra Oliva Izy, dia nanomboka nifaly ireo mpianany maro be ary nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo mafy nohon'ny asa lehibe rehetra izay hitan'izy ireo, <sup>38</sup> niteny hoe: "Deraina anie ny mpanjaka izay avy amin'ny anaran'ny Tompo! Fiadanana any an-danitra ary voninahitra any amin'ny avo indrindra!" <sup>39</sup> Ny Fariseo sasany teo amin'ny vahoaka dia nilaza taminy hoe: "Mpampianatra ô, teneno mafy ireo mpianatrao." <sup>40</sup> Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Lazaiko aminareo, fa raha mangina ireo, dia hikiaka ny vato." <sup>41</sup> Rehefa nanatona ny tanàna Jesosy, dia nitomany azy, <sup>42</sup> niteny hoe: "Raha mba fantatrao mantsy amin'izao andro izao, eny ianao, ireo zavatra izay mitondra fiadanana ho anao! Nefa ankehitriny ireny dia mifafina amin'ny masonao. <sup>43</sup> Fa ho avy aminao ireo andro, izay hananganan'ny fahavalonao manda manodidina anao, ary hanodidina anao, ary hanery anao amin'ny lafiny rehetra. <sup>44</sup> Izy ireo dia hampianjera anao amin'ny tany miaraka amin'ny

zanakao. Tsy hamela na dia vato iray mifanaingina aza izy ireo, satria ianao tsy nahafantra izany fony Andriamanitra niezaka ny hamonjy anao." <sup>45</sup> Niditra tao an-tempoly Jesosy ary nanomboka nandroaka ireo izay nivarotra, <sup>46</sup> niteny tamin'izy ireo hoe: "Efa voasoratra hoe: 'Ny tranoko dia natao trano fivavahana,' fa ianareo kosa nanao izany ho zohy fieren'ireo jiolahy." <sup>47</sup> Koa dia nampianatra isan'andro tao an-tempoly Jesosy. Ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna ary ireo mpitarika ny vahoaka dia nitady hamono azy, <sup>48</sup> fa tsy nahita fomba hanaovana izany izy ireo, satria nazoto nihaino Azy avokoa ny vahoaka rehetra.

### Luke 19:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara, Zakaiosy dia nampidirina ao amin'ny tantara. Ny andininy 1 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny dian'i Jesosy.

#### Indro, nisy lehilahy nantsoina hoe Zakaiosy teo

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny olona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fiteninana dia mety manana fomba hanaovana izany. DH: "Nisy lehilahy iray izay"

Izy dia lehiben'ny mpamory hetra sady nanan-karena ity dia fampahafantarana fohifohy momban'i Zakaiosy.

### Luke 19:3

#### Niezaka izy

"niezaka Zakaiosy"

### Luke 19:5

#### ilay toerana

"ilay hazo" na "izay nisy an'i Zakaiosy"

#### nidina faingana izy

"nidina faingana Zakaiosy"

#### nitaraina avokoa ny rehetra

Ireo Jiosy dia nankahala ny mpamory hetra ary tsy nieritreritra hoe ny olona tsara dia tokony hifandray amin'izy ireny.

#### Niditra hamangy lehilahy izay mpanota Izy

"Niditra ao an-tranon'ny mpanota Jesosy mba hamangy azy"

#### mpanota

"tena mpanota"

### Luke 19:8

#### ny Tompo

Ity dia maneho an'i Jesosy.

#### honerako avo efatra heny

"hamerina amin'izy ireo avo efatra heny amin'izay nalaiko tamin'izy ireo"

#### androany ny famonjena no tonga ato amin'ity tokantrano ity

Efa azo fa ny famonjena dia avy amin' Andriamanitra. DH: "Andriamanitra namonjy ity tokantrano ity"

#### ity tokantrano ity

Ny teny hoe "tokantrano" dia maneho ny olona mipetraka ao amin'ilay trano na ny fianakaviana.

#### izy koa

"ity lehilahy ity koa" na "Zakaiosy koa"

#### zanak'i Abrahama

Ireo dika azo heverina: 1) "taranak'i Abrahama" sy 2) "olona izay manana finoana tahaka an'i Abrahama"

#### ny Zanak'Olon

Jesosy miresaka momban'ny tenany. DH: "Izaho, Zanak'Olon"

#### ireo olona izay very

"ny olona izay nirenireny lavitra an' Andriamanitra" na "ireo izay tamin'ny fahotana dia nanalavitra an'Andriamanitra"

### Luke 19:11

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manomboka milaza fanoharana amin'ny vahoaka. Ny andininy faha 11 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny antony hitenenan'i Jesosy ilay fanoharana.

#### fa hiseho teo noho eo ny fanjakan'Andriamanitra

Ireo Jiosy dia nino fa ilay Mesia dia hametraka fanjakana raha vantany vao tonga ao Jerosalema Izy. DH: "fa Jesosy dia hanomboka hanapaka amin'ny fanjakan'Andriamanitra avy hatrany"

#### tandapa iray

"Lehilahy iray izay mpikambana ao amin'ny fitondrana" na "Lehilahy iray avy amin'ny fianakaviana ambony"

#### mba hahazo fanjakana ho an'ny tenany

Ity dia sarin'ny mpanjaka ambany kokoa mankany amin'ny mpanjaka lehibe indrindra. Ny mpanjaka lehibe indrindra dia hanome ny mpanjaka ambany kokoa ny zo sy fahefana hanapaka amin'ny firenany manokana.

**Luke 19:13****Niantso izy**

"Niantso ilay tandapa." Mety hanampy ny filazana fa ilay lehilahy dia nanao ity mialohan'ny nandehanany handray ny fanjakany. DH: "Mialohan'ny nandehanany, dia niantso izy"

**nanome farantsa folo azy ireo**

"nanome farantsa folo ho an'ny tsirairay tamin'izy ireo"

**farantsa folo**

Ny farantsa iray dia 600 grama. Ny farantsa tsirairay dia mendrika izay mety ho karaman'ny olona iray ao anatin'ny efa-bolana. DH: "farantsa sarobidy folo" na "vola maromaro"

**Manaova raharaham-barotra**

"Hampiasao ity vola ity mba hahazoana vola betsaka kokoa"

**ireo vahoakany**

"ny olona ao amin'ny tanànanany"

**solontena**

"vondron'olona mba hisolo-tena azy ireo" na "mpitondra hafatra maro"

**Ary**

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana hetsika manan-danja ao amin'ny tantara. Raha manana fomba hilazana izany ny fiteninana, dia eto ampiasaina.

**avy nandray ny fanjakana**

"rehefa tonga mpanjaka izy"

**mba ho eo aminy**

DH: "mba hanatona azy"

**izay tombony azon'izy ireo**

"hoatrinona ny vola azon'izy ireo"

**Luke 19:16****ny voalohany**

"Ny mpanompo voalohany"

**Tonga teo anoloany**

"nankeo anoloan'ilay tandapa"

**ny farantsanao dia nahazo tombony farantsa folo mihoatra**

Ity dia milaza fa ilay mpanompo no nahatonga ilay tombony. DH: "Nampiasaiko hangalana tombony folo mihoatra ny farantsanao"

**Tsara izany**

"Nety ny nataonao." Ny fiteninana dia mety manana fehezanteny izay hampiasain'ny mpampiasa mba hampisehoana fankatoavana.

**kely dia kely**

Ity dia maneho ilay farantsa iray, izay tsy noraisain'ilay tandapa ho vola be.

**Luke 19:18****ilay faharoa**

"ilay mpanompo faharoa"

**Ny farantsanao, tompo, dia nahavita farantsa dimy**

Ity dia milaza fa ilay mpanompo no nahatonga ilay tombony. DH: "tomo, nampiasaiko hangalana tombony dimy mihoatra ny farantsanao"

**Hiandraikitra tanàna dimy ianao**

"hanana fahefana amin'ny tanàna dimy ianao"

**Luke 19:20****Tonga ny iray hafa**

"tonga ny mpanompo iray hafa"

**notehiriziko tsara tao anaty lamba**

"nofonosiko lamba ary notehiriziko"

**lehilahy masiaka**

"lehilahy izay manantena be amin'ireo mpanompony"

**Ka maka izay tsy napetrakao**

DH: "Maka izay tsy napetrakao ianao" na "maka izay tsy anao ianao"

**mijinja izay tsy nafafinao**

Ilay mpanompo mampitaha ny tompony amin'ny mpamboly izay maka ny sakafo izay nambolen'ny olona hafa.

**Luke 19:22****Amin'ny teninao manokana no hitsarako anao**

DH: "Mifototra amin'izay nolazainao"

**izaho dia lehilahy masiaka**

Ilay tandapa namerina izay nolazain'ilay mpanompo momba azy. Tsy niteny izy hoe marina izany.

**Nahoana no tsy napetrakao ... tamin'ny zanany?**

Ilay tandapa nampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy ilay mpanompo ratsy fanahy. DH: "tokony napetrakao tany ... tamin'ny zanany"

**napetrakao tany amin'ny mpitahiry vola ny volako**

Ny kolontsaina izay tsy manana mpitahiry vola dia mety hampiasa hoe "nomena hindraminin'ny olona ny volako".

**mpitahiry vola**

Ny mpitahiry vola dia raharaham-barotra izay mitazona soa aman-tsara ny volan'ny olona. Hampindramin'ny mpitahiry vola amin'ny hafa izany vola izany mba hazoana tombony. Noho izany, ny mpitahiry vola dia mandoa vola mihoatra, na

zanany ho an'ny olona mametraka ny volan'izy ireo any amin'ny mpitahiry vola.

**ho nandray izany niaraka tamin'ny zanany**  
"ho nandray izany vola izany miampy ny tombony azo amin'izany" na "ho nandray tombony tamin'izany"

**zanany**  
Ny zanany dia vola aloan'ny mpitahiry vola ny olona izay mametraka ny volan'izy ireo any.

### Luke 19:24

**ilay tandapa**  
Lasa mpanjaka ilay tandapa.

**ireo izay nijoro teo akaiky teo**  
"ny olona izay nijoro teo akaikin'izy ireo"

**manana ny farantsa folo**  
"efa nanana farantsa folo izy!"

### Luke 19:26

**Izaho miteny aminareo**  
Ilay mpanjaka no miteny eto. Ny mpandika teny sasany dia mety hanomboka ity andininy ity amin'ny hoe "Ary ilay mpanjaka namaly hoe: 'Lazaiko aminareo'" na "Fa hoy ny mpanjaka hoe: 'Izao no lazaiko anareo'"

**izay rehetra manana**  
DH: "izay rehetra mampiasa tsara ny vola homena azy" na "izay rehetra mampiasa tsara ny vola nomeko azy"

**dia homena mihoatra**  
DH: "homeho mihoatra izy"

**fa izay tsy manana**  
Ity dia milaza fa ny antony tsay nananany vola dia satria tsy nampiasainy am-pahatokiana ny farantsany. DH: "ny olona tsy nampiasa tsara izay nomeko azy"

**dia ho alaina**  
DH: "ho alaiko aminy"

### Luke 19:28

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ity no faran'ny fizarana ao amin'ny tantara momban'i Zakaiosy. Ity andininy ity dia milaza amintsika izay nataon'i Jesosy taorian'ity fizaran'ny tantara ity.

**Rehefa avy nilaza an'ireo zavatra ireo izy**  
"rehefa avy nilaza an'ireo zavatra ireo Jesosy"

**niakatra ho any Jerosalema**  
Jerosalema dia avy kokoa noho Jeriko, noho izany dia tsy mahagaga ho an'Isiraelita ny miteny hoe hiakatra ho any Jerosalema.

### Luke 19:29

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Jesosy manatona an'i Jerosalema.

**Ary**  
Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara. Raha manana fomba hanaovana izany ny fiteninao, dia eto ampiasaina.

**nony tonga teo akaik'i Betifaga Izy**  
Ny teny hoe "Izy" dia maneho an'i Jesosy. Ireo mpianany koa dia niaraka taminy.

**Betifaga**  
Betifaga dia tanàna iray any amin'ny tendrombohitr'Oliva, izay manerana ny lohasahan'i Kidrona avy any Jerosalema.

**mbola tsy notaingenan'olona mihintsy**  
DH: "izay tsy mbola nisy nitaingina"

**Raha misy manontany anareo hoe ... ilàn'ny Tompo azy**  
Jesosy milaza ireo mpianatra ny fomba hamaliana fanontaniana izay tsy mbola nanontaniana. Na dia izany aza, ny olona ao amin'ny tanàna dia hametraka izany fanontaniana izany tsy ho ela.

### Luke 19:32

**Ireo izay nirahina**  
DH: "Ireo mpianatra roa nirahin'i Jesosy"

**ireo tompony**  
"ireo tompon'ny zana-boriky"

**Nahoana no vahanareo ... Misy ilàn'ny Tompo azy**  
Ity dia fanontaniana sy valin-teny izay voalaza mialoha tao amin'ny 19:29 ary tokony adika mitovy.

**napetrak'izy ireo teo ambonin'ny zana-boriky ny lambany**  
"nametraka ny akanjon'izy ireo teo amin'ilay zana-boriky"

**nametraka an'i Jesosy teo ambonin'izany**  
"nanampy an'i Jesosy hitsangana teo sy hitaingina ilay zana-boriky"

**novelarin'izy ireo teo amin'ny lalana ny lamban'izy ireo**  
"novelarin'ny olona ny lamban'izy ireo." Ity dia famantarana ny fanomezam-boninahitra ho an'ny olona.

### Luke 19:37

**Ary rehefa nanakaiky Izy**  
"Rehefa nanatona akaiky Jesosy." Ireo mpianatr'i Jesosy dia niaraka taminy.

**nohon'ny asa lehibe rehetra izay hitan'izy ireo**  
"ireo zavatra lehibe izay hitan'izy ireo nataon'i Jesosy"

**Deraina anie ny mpanjaka**  
Niteny ity momban'i Jesosy izy ireo.

**amin'ny anaran'ny Tompo**  
Eto ny "anarana" dia maneho ny hery sy fahefana.  
Ary ny "Tomo" dia maneho an' Andriamanitra.

**Fiadanana any an-danitra**  
"hisy fiadanana anie any an-danitra." Milaza izay antenain'izy ireo hitranga izy ireo.

**voninahitra any amin'ny avo indrindra**  
Ny "avo indrindra" dia maneho ny lanitra, izay ipetrahan'Andriamanitra. DH: "avelao ny rehetra hanome voninahitra an'Andriamanitra any amin'ny lanitra avo indrindra" na "avelao ny rehetra hidera an'Andriamanitra ilay Avo indrindra"

### Luke 19:39

**teo amin'ny vahoaka**  
"teo amin'ireo vahoaka maro be"

**teneno mafy ireo mpianatrao**  
"teneno ireo mpianatrao mba hanajanona ny fanaovana ireo zavatra ireo"

**Lazaiko aminareo**  
Jesosy niteny ity mba hanamafisana izay ho lazainy manaraka.

**fa raha mangina ireo, dia hikiakiaka ny vato**  
Ny mpandika teny sasany dia mety mila manazava tsara izay tian'i Jesosy hambara tamin'Izy niteny izao hoe: "tsia, tsy hiteny mafy azy ireo Aho, satria raha mangina ireo, dia hikiakiaka ny vato"

**dia hikiakiaka ny vato**  
"dia hiantso fiderana ny vato"

### Luke 19:41

**ny tanàna**  
Ity dia maneho an'i Jerosalema.

**dia nitomany azy**  
Ny teny hoe "azy" dia maneho ny tanànan'i Jerosalema, fa izany dia maneho ny olona izay mipetraka ao amin'izany tanàna izany.

**Raha mba fantatrao ... mitondra fiadanana ho anao**  
Jesosy naneho ny alahelony fa tsy nahazo ny fahafahana ho amin'ny fiadanana amin' Andriamanitra ny olon'i Jerosalema.

**fantatrao**  
Jesosy miresaka amin'ilay tanàna. Raha hafahafa izany amin'ny fiteninanao, dia afaka ataonao hoe fantatrareo mba hanehoana ireo olon'ilay tanàna.

**ireny dia miafina amin'ny masoanao**  
Ny "masonao" dia maneho ny fahafahana mahita. DH: "tsy afaka hahita ireny intsony ianao" na "tsy afaky ny hahalala izany ianao"

### Luke 19:43

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy manohy miresaka.

**Fa**  
Izay manaraka eo no anton'ny alahelon'i Jesosy.

**ho avy aminao ireo andro**  
Ity dia manondro fa hiaina fotoan-tsarotra izy ireo. DH: "amin'ny ho avy dia hitranga aminao ireo zavatra ireo" na "tsy ho ela dia hiaritra fotoana manahirana ianao"

**aminao**  
Ny teny hoe "aminao" dia maneho ilay tanàna. Fa raha hafahafa amin'ny fiteninanao dia afaka ataonao hoe "aminareo" mba hanehoana ireo olona ao amin'ilay tanàna.

**manda**  
Ity dia maneho ny rindrina mba hitazomana ny olona tsy hivoaka ny tanàna.

**Izy ireo dia hampianjera anao amin'ny tany**  
Satria Jesosy niresaka an'ilay tanàna, dia maneho ireo rindrina sy trano ben'ny tanàna ity. DH: "Hamotika ny rindrinsika izy ireo" na "hamotika ny tanànantsika izy ireo"

**miaraka amin'ny zanaka**  
Ity dia maneho ny olona izay niaina tao amin'ilay tanàna. DH: "hamono anareo olona ao amin'ny tanàna izy"

**Tsy hamela na dia vato iray mifanaingina aza izy ireo**  
"Ity dia fanoharana mba hilazana ny hamotehan'ireo fahavalo tanteraka ny tanàna izay voaorina tamin'ny vato.

### Luke 19:45

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Jesosy miditra ny tempoly ao Jerosalema.

**Niditra tao an-tempoly Jesosy**  
Mety hanampy ny filazana fa niditra tao Jerosalema aloha Izy, izay nisy ny tempoly. DH: "'Jesosy niditra tao jerosalema ary avy eo nankao amin'ny kianjan'ny tempoly"

**niditra tao an-tempoly**  
Ireo mpisorona ihany no mahazo alalana hiditra ao amin'ny tempoly. DH: "nankao amin'ny kianjan'ny tempoly"

**Efa voasoratra hoe**

Ity dia teny nolazain'Isaia. DH: "Ny Soratra Masina dia milaza hoe" na "nisy mpaminany nanoratra ireto teny ireto tao amin'ny Soratra Masina"

**trano fivavahana**

"toerana izay hivavahan'ny olona Amiko"

**zohy fieren'ireo jiolahy**

Jesosy miresaka ny tempoly toy ny hoe toerana hiarahan'ireo mpangalatra mipetraka izany. DH: "toerana fiafonan'ireo mpangalatra"

**Luke 19:47**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ity fizaran'ny tantara ity. Ireto andininy ireto dia milaza momban'ny hetsika mandeha izay mitohy aorian'ny faran'ny fizarana lehiben'ny tantara.

**tao an-tempoly**

"tao an-kianjan'ny tempoly" na "tao an-tempoly"

**nihaino tsara Avy**

"nifantoka tsara tamin'izay nolazain'i Jesosy"

## Chapter 20

<sup>1</sup> Ary indray andro, raha nampianatra ny vahoaka tao amin'ny tempoly Jesosy ary nitony ny filazantsara, dia nanatona Azy ireo lohan'ny mpisorona sy mpanora-dalàna niaraka tamin'ireo loholona. <sup>2</sup> Niteny izy ireo, nanao taminy hoe: "Lazao anay hoe amin'ny fahefana inona no hanaovanao ireo zavatra ireo? Na koa iza no nanome anao izao fahefana izao?" <sup>3</sup> Namaly Izy ary niteny azy ireo hoe: "Izaho koa dia hametraka fanontaniana aminareo. Teneno Ahy ny mahakasika <sup>4</sup> ny batisan'i Jaona. Moa ve izany avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona?" <sup>5</sup> Niady hevitra izy ireo, niteny hoe: "Raha hamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra' dia hiteny Izy hoe: 'Koa nahaona ianareo no tsy nino Azy?'" <sup>6</sup> Fa raha miteny isika hoe: 'Avy amin'ny olombelona,' dia hitora-bato antsika ny vahoaka rehetra, satria izy ireo dia resy lahatra fa Jaona dia mpaminany." <sup>7</sup> Noho izany dia namaly izy ireo fa tsy fantatr'izy ireo izay niaviny. <sup>8</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Izaho koa tsy hilaza aminareo izay fahefana hanaovako izao zavatra rehetra izao." <sup>9</sup> Noteneniny tamin'ny vahoaka izao fanoharana izao: "Nisy lehilahy iray nanao tanim-boaloboka, nampanofa izany tamin'ny mpamboly voaloboka, ary nandeha tany amin'ny firenena hafa nandritra ny fotoana maharitra. <sup>10</sup> Tamin'ny ora voatondro dia nandefa mpanompo izy ho any amin'ireo mpamboly voaloboka, fa tokony hanome azy ny voankazon'ilay tanim-boaloboka izy ireo. Nokapohin'ireo mpamboly anefa izy, ary nalefany niverina tanam-polo. <sup>11</sup> Avy eo dia nandefa mpanompo hafa indray izy ary dia nokapohin'izy ireo ihany koa, nalainy baraka, ary nalefan'izy ireo tanam-polo. <sup>12</sup> Mbola nandefa fanintelon'izy ary noratrain'izy ireo koa izy, ary noroahiny. <sup>13</sup> Noho izany dia niteny ny tompon'ilay tanim-boaloboka hoe: 'Inona no ho ataoko? Halefako any ny zanaka lahy malalako. Mety mba ho hajain'izy ireo izy.' <sup>14</sup> Fa rehefa tazan'ireo mpamboly voaloboka izy, dia nifampiresaka izy ireo, niteny hoe: 'Io ilay mpandova. Ndeha ho vonointsika izy, mba ho lasantsika ny lova.' <sup>15</sup> Noroahin'izy ireo niala ny tanim-boaloboka izy ary novonoin'izy ireo. Inona ary no ho ataon'ny tompon'ilay tanim-boaloboka amin'izy ireo? <sup>16</sup> Ho avy izy ary hamotika ireo mpamboly voaloboka, ary hanome ilay tanim-boaloboka ho an'ny hafa." Rehefa naheno izany izy ireo, dia niteny hoe: "Sanatria amin'Andriamanitra!" <sup>17</sup> Fa nijery azy ireo Jesosy, niteny hoe: "Inona no hevitr'ilay voasoratra hoe: 'Ny vato izay nolavin'ireo mpanorin-trano no tonga vato fehizoro?'" <sup>18</sup> Ny tsirairay izay mianjera eo amin'io vato io dia ho torotoro. Fa na iza na iza hianjerany, dia ho potika." <sup>19</sup> Koa nitady hisambotra Azy tamin'io ora io ireo mpanora-dalàna sy ireo mpisorona, fa fantatr'izy ireo fa nolazainy io fanoharana io hanohitra azy ireo. Kanefa natahotra ny vahoaka izy ireo. <sup>20</sup> Teo am-pandinihina Azy tsara, dia nandefa mpitsikilo mody ho marina izy ireo, mba afahan'izy ireo mahita tsiny amin'ny teneniny, ka hanolotra Azy eo amin'ny fanapahana sy ny fahefan'ny governora. <sup>21</sup> Nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Mpampianatra ô, fantatray ianao fa miteny sy mampianatra am-pahamarinana, ary tsy voasariky ny hevitr'iza na iza, fa ianao dia mampianatra ny fahamarinana momban'ny lalan'Andriamanitra. <sup>22</sup> Ara-dalàna ho anay ve ny mandoa hetra amin'i Kaisara, sa tsia?" <sup>23</sup> Fa Jesosy dia nahatakatra ny hafetsen'izy ireo, ary niteny tamin'izy ireo hoe: <sup>24</sup> "Mampisehoa denaria iray Amiko. An'iza io sary sy anarana eo aminy io?" Niteny izy ireo hoe: "An'i Kaisara." <sup>25</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Noho izany omeo an'i Kaisara ny zavatra izay an'i Kaisara, ary an'Andriamanitra, ireo zavatra izay an'Andriamanitra." <sup>26</sup> Tsy nahita tsiny tamin'izay nolazainy teo anatrehan'ny vahoaka izy ireo, fa dia nitolagaga tamin'ny valin-teniny ka nangina. <sup>27</sup> Rehefa tonga teo aminy ny sasany tamin'ireo Sadoseo, ireo izay niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, <sup>28</sup> nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Mpampianatra ô, Mosesy dia nanoratra ho antsika fa raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray, manambady, ary tsy manan-janaka, dia tokony haka vady an'ilay vadin-drahalahiny ilay lehilahy, ary hanome zanaka ho an'ny rahalahiny. <sup>29</sup> Nisy mpirahalaha fito ary ny voalohany nanam-bady, ary maty tsy nanan-janaka, <sup>30</sup> ary ny faharoa koa torak'izay. <sup>31</sup> Nampakatra azy ny fahatelo, ary toy izany avokoa izy fito samy tsy nanan-janaka, ary maty. <sup>32</sup> Taorian'izay dia maty koa ilay vehivavy. <sup>33</sup> Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ho vadin'iza ary izy? Fa samy efa nanambady azy izy fito." <sup>34</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ireo zanak'izao tontolo izao dia mampaka-bady sy ampakarina. <sup>35</sup> Fa ireo izay hita amin'izao andro izao fa mendrika ny handray ny fitsanganana amin'ny maty dia tsy hampaka-bady na hampakarina. <sup>36</sup> Tsy ho faty intsony izy ireo, satria mitovy amin'ireo anjely sy ireo zanak'Andriamanitra, izay zanaky ny fitsanganana amin'ny maty. <sup>37</sup> Fa ny maty dia natsangana, na Mosesy aza dia nampiseho, teo amin'ilay toerana izay nisy ny voaroy, izay niantsoany ny Tompo ho Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba. <sup>38</sup> Ary Izy dia tsy Andriamanitry ny maty, fa ny velona, satria ny rehetra dia velona ao aminy." <sup>39</sup> Ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna namaly hoe: "Mpampianatra ô, namaly tsara ianao." <sup>40</sup> Satria tsy sahy nametraka fanontaniana hafa taminy intsony izy ireo. <sup>41</sup> Jesosy niteny azy ireo hoe: "Ahoana no ilazan'izy ireo fa Kristy dia zanaka lahin'i Davida? <sup>42</sup> Fa Davida tenany no niteny tao amin'ny bokin'i Salamo hoe: Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe: 'Mipetraha eo an-tanana ankavanako, <sup>43</sup>

mandra-panaovako ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.' <sup>44</sup> Noho izany Davida dia niantso an'i Kristy hoe: 'Tompô', koa ahoana no maha zanak'i Davida Azy?' <sup>45</sup> Teo anatrehan'ny olona rehetra dia niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: <sup>46</sup> "Mitandrema amin'ny mpanora-dalàna, izay maniry handeha miaraka amin'ny akanjo lava, sy tia fiarahabana manokana eny an-tsena, sy seza voalohany ao anaty synagoga, ary toerana voalohany any amin'ny fanasana. <sup>47</sup> Izy ireo koa dia mandany ny tranon'ireo mpitondra-tena, ary manao vakava lavareny ho fisehosehoana. Ny lehilahy tahaka izany dia hahazo fanamelohana lehibe kokoa."

## Luke 20:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ireo lohan'ny mpisorona, mpisoronabe, ary loholona dia nametra-panontanianana an'i Jesosy tao an-tempoly.

### Ary

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ny fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

### tao amin'ny tempoly

"tao an-kianjan'ny tempoly" na "tao an-tempoly"

## Luke 20:3

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy mamaly ireo lohan'ny mpisorona, mpisoronabe, ary loholona.

### Namaly Izy ary niteny azy ireo hoe

"Namaly Jesosy"

### Moa ve izany avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona?

Jesosy nahafantatra fa ny fahefan'i Jaona dia avy any an-danitra. Nanontany ilay fanontanianana Jesosy mba hitenenan'ireo mpitarika Jiosy izay noeritreretin'izy ireo amin'izay rehetra nihaino. DH: "Moa ve ianareo mieritreritra fa ny fahefan'i Jaona hanao batisa olona dia avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona?" na "Moa ve ianareo mieritreritra fa Andriamanitra nilaza an'i Jaona hanao batisa ny olona, na ny olona nilaza taminy mba hanao izany?"

### avy any an-danitra

"avy amin'Andriamanitra." Ireo mpitarika Jiosy dia tsy niantso an'Andriamanitra tamin'ny anarany hoe "Yahweh." Nampiasa ny teny hoe "lanitra" foana izy ireo mba hanehoana Azy.

## Luke 20:5

### Niady hevitra izy ireo

"Nifampiresaka"

### Raha hamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra'

DH: "raha lazaintsika hoe avy any an-danitra ny fahefan'i Jaona"

### hiteny Izy hoe

""hiteny Jesosy hoe"

### Raha miteny isika hoe: 'avy amin'ny olombelona'

DH: "Raha miteny isika hoe avy amin'ny olombelona ny fahefan'i Jaona"

### hitara-bato antsika

"hamono antsika amin'ny fitoraham-bato." Ny lalàn'Andriamanitra dia nibaiko antsika fa ny olony dia mitora-bato ireo olony izay maniratsira Azy na ireo mpaminaniny.

## Luke 20:7

### namaly izy ireo

""noho izany dia namaly ireo lohan'ny mpisorona, mpisoronabe sy loholona." Ny teny hoe "noho izany" dia manamarika hetsika iray izay nitranga nohon'ny fitrangan'ny zavatra iray hafa voalohany.

### Noho izany dia namaly izy ireo fa tsy fantatr'izy ireo izay niaviany

DH: "hoy izy ireo hoe: 'tsy fantatray izay niaviany'"

### izay niaviany

"izay niavian'i Jaona mpanao batisa." DH: "izay niavian'ny fahefan'i Jaona mpanao batisa" na "iza no nanome alalana an'i Jaona hanao batisa olona"

### Izaho koa tsy hilaza aminareo

"ary tsy hilaza aminareo Aho." Jesosy nahafantatra fa tsy vonona hanome Azy ilay valin-teny izy ireo, ka dia namaly tahaka izany koa Izy. DH: "tahaka ny tsy hilazanareo Ahy, no tsy hilazako anareo"

## Luke 20:9

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manomboka milaza fanoharana ny olona ao an-tempoly.

### nampanofa izany tamin'ny mpamboly voaloboka

"namela mpamboly voaloboka sasany hampiasa izay ho takalo vola" na "namela mpamboly voaloboka sasany hampiasa izany ary handoa vola aminy avy eo." Ny takalo dia mety ho vola, na anjara amin'ny vokatra.

### Tamin'ny ora voatondro

"ny fotoana nifanarahana'izy ireo handoavana azy." Mety tamin'ny fotoanan'ny vokatra izany.



**voankazon'ilay tanim-boaloboka**

"sasany amin'ireo voaloboka" na "sasany amin'izay novokarin'izy ireo tao amin'ny tanim-boaloboka."  
Mety maneho zavatra vitan'izy ireo avy amin'ireo voaloboka koa izany na vola azon'izy ireo tamin'ny fivarotana voaloboka.

**nalefany niverina tanam-polo**

Ny tanam-polo diaa sariteny hilazana hoe "tsy nisy na inona na inona." DH: "nandefa azy nefa tsy nandoa vola taminy" na "nandefa azy tsy niaraka tamin'ireo voaloboka"

**Luke 20:11****nokapohin'izy ireo**

"nikapoka ilay mpanompo"

**nalainy baraka**

"nanao tsinontsinona azy"

**noratrain'izy ireo koa izy**

"nandratra izany mpanompo izany"

**norohiny**

"nandroaka azy tao amin'ilay tanim-boaloboka"

**Luke 20:13****Inona no ho ataoko?**

Ity fanontaniana ity dia manamafy ny fanapahan-kevitr'ilay tompon'ny tanim-boaloboka. DH: "Izao no ndeha ho ataoko"

**rehefa tazan'ireo mpamboly voaloboka izy**

"rehefa tazan'ireo mpamboly ny zanaka lahin'ilay tompon-tany"

**ndeha ho vonointsika izy**

Niteny ity izy ireo mba hamporisihana ny tsirairay hamono ilay mpandova.

**Luke 20:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny filazan'i Jesosy ny fanoharany tamin'ny vahoaka.

**Norohin'izy ireo niala ny tanim-boaloboka izy**

"noteren'ireo mpamboly hivoaka ny tanim-boaloboka ilay zanaka lahy"

**Inona ary no ho ataon'ny tompon'ilay tanim-boaloboka amin'izy ireo?**

Jesosy nampiasa fanontaniana mba hisarihana ireo mpihaino hifantoka amin'izay mety ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka. DH: "Ary izao, henoy izay ho ataon'ny tompon'ny tanim-boaloboka amin'izy ireo"

**sanatria amin'Andriamanitra!**

"Andriamanitra anie hanakana izany tsy hitranga!" na "enga anie mba tsy hitranga mihintsy izany!"

Nanaho mafy ny fanirian'izy ireo tsy hitrangan'izany izy ireo.

**Luke 20:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy mampianatra ny vahoaka.

**Fa nijery azy ireo Jesosy**

"Fa nanopi-maso azy ireo Jesosy" na "fa nijery mahitsy azy ireo Izy." Nanao izany Izy mba hitazomana azy ireo tompon'andraikitra hahazo izay nolazainy.

**Inona no hevitr'ilay voasoratra hoe: 'Ny vato ... vato fehizoro?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampianarana ny vahoaka. DH: "ianareo dia tokony hahazo izay voasoratra hoe: "Ny vato ... vato fehizoro.""

**ilay voasoratra hoe**

"ity Soratra Masina"

**Ny vato izay nolavin'ny mpanori-trano no tonga vato fehizoro**

Ity no voalohany amin'ireo fanoharana telo amin'ny faminaniana avy ao amin'ny bokin'ny Salamo. Ity iray ity dia maneho ny Mesia raisina toy ny hoe Izy ilay vato izay tsy nofidian'ny mpanorina ho hampiasaina, fa Andriamanitra nametraka ny vato manan-danja indrindra.

**mpanori-trano**

Ity dia maneho ireo mpanapaka fivavahana izay mandà an'i Jesosy ho ilay Mesia.

**vato fehizoro**

"ny vato manan-danja indrindra amin'ny trano be"

**Ny tsirairay izay mianjera ... torotoro**

Ity fanoharana ity dia miresaka ny olona izay mandà ny Mesia toy ny hoe mianjera amin'ny vato avokoa izy ireo ary maratra.

**ho torotoro**

ity no vokatry ny fianjerana amin'ny vato.

**Fa na iza na iza hianjerany**

Na iza na iza hianjeran'izany vatp izany." Ity fanoharana fahatelo ity dia miresaka momban'ny Mesia mitsara ireo izay mandà Azy toy ny hoe misy vato be mampianjera azy ireo.

**Luke 20:19****nitady hisambotra Azy**

Ity fomba fiteny ity dia maneho ny olona mampihatra fahefana amin'ireo mpianatra. DH: "nitady fomba hisamborana an'i Jesosy"

**tamin'io ora io**

"teo no eo"

**natahotra ny vahoaka izy ireo**

Ity no antony tsy nisamboran'izy ireo an'i Jesosy teo no eo. Nanaja an'i Jesosy ny olona, ary ireo mpitarika fivavahana dia natahotra izay mety ho ataon'ny olona raha misambotra Azy izy ireo. DH: ""tsy nisambotra Azy izy ireo satria natahotra ny olona"

**nandefa mpitsikilo izy ireo**

"ireo mpisoronabe sy lohan'ny mpisorona dia naniraka mpitsikilo mba hijery an'i Jesosy"

**mba hafahan'izy ireo mahita tsiny amin'ny teneniny**  
"satria izy ireo te-hiampanga an'i Jesosy amin'ny fitenenana zavatra ratsy"

**ka hanolotra Azy eo amin'ny**

"mba hitondrana Azy eo amin'ny"

**eo amin'ny fanapahana sy ny fahefan'ny governora**  
'Ny "fanapahana" sy "fahefana" dia fomba roa hilazana fa tian'izy ireo ny governora mba hitsara an'i Jesosy. DH: "mba hanasazy Azy ny governora"

**Luke 20:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no fiantombohan'ny fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Fotoana maro no lasa hatramin'ny nanontaniana'ireo lohan'ny mpisorona an'i Jesosy tao an-tempoly. Ireo mpitsikilo izao no manontany an'i Jesosy.

**Nanontany Azy izy ireo hoe**

"nanontany Azy ireo mpitsikilo"

**Mpampianatra o! fantatray ... lalan'Andriamanitra**  
Ireo mpitsikilo dia niezaka handiso fanantenana an'i Jesosy. Tsy nino ireo zavatra momban'i Jesosy ireo izy ireo.

**fantatray**

ireo mpitsikilo no tenenina eto

**tsy voasariky ny hevitr'iza na iza**

Ireo dika azo heverina: 1) "milaza ny marina ianao na dia tsy tia izany aza ny olona manan-danja" na 2) "tsy mizaha tavan'olona ianao"

**fa ianao dia mpampianatra ny marina momban'ny lalan'Andriamanitra**

Ity dia isan'ireo nambaran'ny mpitsikilo fa fantatr'izy ireo momban'Andriamanitra.

**Ara-dalàna ... sa tsia?**

Nanantena izy ireo hoe hamaly "eny" na "tsia" Jesosy. Raha niteny "eny" Izy, dia ho tezitra aminy ireo olona Jiosy amin'ny fitenenana azy ireo handoa hetra amin'ny fanjakana vahiny. Raha niteny hoe "tsia" Izy, dia afaka hiteny amin'ireo Romana ireo mpitarika fivavahana fa mpampianatra tao an-tempoly Jesosy mba handravana ireo lalàn'ny Romana.

**ara-dalàna**

Nanontany ny momban'ny lalàn'Andriamanitra izy ireo, fa tsy momban'ny lalàn'i Kaisara. DH: "Ny lalàntsika ve mamela antsika"

**Kaisara**

Satria Kaisara no mpanapaka ny fanjakana Romana, dia afaka naneho ny fanjakana Romana izy ireo tamin'ny anaran'i Kaisara.

**Luke 20:23****Fa Jesosy nahatakatra ny hafetsen'izy ireo**

"Fa Jesosy nahita fa niezaka hamandrika Azy izy ireo." Ny "izy ireo" dia maneho ireo mpitsikilo.

**denaria**

Ity dia vola madinika volafotsin'ny Romana izay mendrika karama ray andro.

**An'iza io sary sy anarana eo aminy io?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hamaliana ireo izay niezaka hamitaka Azy.

**Luke 20:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ity hetsika momban'ireo mpitsikilo ity sy ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 20:1.

**Hoy Izy tamin'izy ireo hoe**

"Avy eo Jesosy niteny azy ireo"

**Kaisara**

Eto ny "Kaisara" dia maneho ny fanjakana Romana.

**an'Andriamanitra**

"ary omeo an'Andriamanitra"

**Tsy nahita tsiny tamin'izay nolazainy izy ireo**

"ireo mpitsikilo dia tsy nahita na inona na inona diso tamin'izay nolazainy"

**fa dia nitolagaga tamin'ny valin-teniny ka nangina**

"fa talanjona tamin'ny valin-teniny izy ireo ary tsy niteny na inona na inona"

**Luke 20:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Tsy fantatsika hoe aiza no mitranga izany, na dia mety azo heverina aza hoe tao amin'ny kianjan'ny tempoly izy ireo. Jesosy dia miresaka amin'ny Sadoseo sasantsasany.

**ireo izay niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty**

Ity fehezanteny ity dia maneho ireo Sadoseo toy ny vondrona Jiosy izay milaza fa tsy misy afaka hitsanga amin'ny maty. Tsy midika izany hoe ny Sadoseo sasany dia nino fa misy fitsanganana ary ny sasany tsy nino.

**raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray, manam-bady, ary tsy manan-janaka**  
 "raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray rehefa nanam-bady izy fa tsy nanan-janaka"

**ary hanome zanaka ho an'ny rahalahiny**  
 Ireo Jiosy dia nihevitra fa ireo zanaka teraka avy amin'ity karazana fanambadiana faharoa ity dia an'ilay lehilahy maty. Mandova ny fananany izy ireo ary mitondra ny anarany.

## Luke 20:29

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Tapitra ny fametrahana ireo Sadoseo ny fanontaniana izy ireo amin'i Jesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ireo Sadoseo milaza tantara fohy an'i Jesosy ao amin'ny andininy faha 29-32. Ity dia tantara noforonin'izy ireo ho ohatra. Ao amin'ny andininy faha 33, dia manontany an'i Jesosy izy ireo ny momban'ny tantara notantarain'izy ireo.

**Nisy mpirahalany fito**  
 Mety nitranga izany, kanefa mety ho tantara iray noforonin'izy ireo hitsapana an'i Jesosy izany.

**ny voalohany ... ny faharoa ... Ny fahatelo**  
 "rahalahy voalohany ... rahalahy faharoa ... Rahalahy fahatelo"

**ary maty tsy nanan-janaka**  
 "ary maty, fa tsy nanan-janaka"

**ny faharoa koa torak'izany**  
 Tsy namerina ireo antsipiriany izy ireo mba hanafohezana ny tantara. DH: "ilay faharoa nanambady azy ary zavatra mitovy no nitranga" na "ilay rahalahy faharoa nanambady azy ary maty tsy nanan-janaka"

**Nampakatra azy ny fahatelo**  
 "nanambady azy ilay fahatelo"

**toy izany avokoa izy fito samy tsay nanan-janaka, ary maty**  
 Tsy namerina ny maro tamin'ireo antsipiriany izy ireo mba hanafohezana ilay tantara. DH: "tahaka izany avokoa ny sisa tamin'ireo mpirahalany fito nanambady azy ary tsy niteraka sy maty"

**izy fito**  
 "ireo mpirahalany fito" na "ny tsirairay tamin'ireo mpirahalany fito"

**Amin'ny fitsanganana amin'ny maty**  
 "rehefa hatsangana amin'ny maty ny olona" na "rehefa velona indraya ny olona efa maty." Ny fiteny sasany dia manana fomba fanehoana fa ireo Sadoseo dia tsy nino fa hisy fitsanganana amin'ny maty, toy ny hoe: "rehefa heverina fa hitsangana ny olona efa maty."

## Luke 20:34

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Jesosy manomboka mamaly an'ireo Sadoseo.

**Zanak'izao tontolo izao**  
 "olona amin'izao fotoana izao." Ity dia mifanohitra amin'ireo izay any an-danitra na ny olona izay miaina aorian'ny fitsanganana amin'ny maty.

**mampaka-bady sy ampakarina**  
 Amin'izany kolontsaina izany dia miresaka ny lehilahy mampakatra vehivavy izy ireo sy ny vehivavy ampakarin'ny vadiny. DH: "manambady"

**Fa ireo izay hita amin'izao andro izao fa mendrika**  
 DH: "ny olona amin'izany andro izany izay ho raisin'Andriamanitra mendrika"

**handray ny fitsanganana amin'ny maty**  
 "ho hatsangana amin'ny maty" na "hitsangana amin'ny maty"

**tsy hampaka-bady na hampakarina**  
 Amin'izany kolontsaina izany dia miresaka ny lehilahy mampakatra vehivavy izy ireo sy ny vehivavy hampakarin'ny vadiny. DH: "tsy hanambady" na "tsy hivady." Ity dia aorian'ny fitsanganana amin'ny maty.

**tsy ho faty intsony izy ireo**  
 Ity dia aorian'ny fitsanganana amin'ny maty. DH: "Tsy afaka ny ho faty intsony izy ireo"

**ireo zanak'Andriamanitra, izay zanaky ny fitsanganana amin'ny maty**  
 "dia zanak'Andriamanitra satria natsangany tamin'ny maty izy ireo"

## Luke 20:37

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Vita ny famalian'i Jesosy ireo Sadoseo.

**Fa ny maty dia natsangana, na Mosesy aza dia nampiseho**  
 Eto ny teny hoe "na.. aza" satria ireo Sadoseo dia mety tsy gaga fa ny Soratra Masina dia milaza fa natsangana ny maty, fa tsy nanantena izy ireo hoe nanoratra zavatra tahaka izany Mosesy. DH: ""Fa na Mosesy aza nampiseho fa mitsangana ny olona efa maty"

**teo amin'ilay toerana izay nisy ny voaroy**  
 "ao amin'ny andalan-tsoratar Masina izay nanoratany momban'ny voaroy mirehitra" na "ao amin'ny Soratra Masina momban'ilay voaroy mirehitra"

**izay niantsoany ny Tompo**  
 "izay niantsoan'i Mosesy ny Tompo"

**Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba**

"ny Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba."  
Samy nankalaza Andriamanitra iray ihany izy rehetra.

**Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny fampianarana lehibe. Eto Jesosy dia manazava ny fomba hanaporofoan'ity tantara ity fa mitsangana amin'ny maty ny olona.

**Ary Izy dia tsy Andriamanitry ny maty, fa ny velona**

Ireo dia fehezanten'ny roa mitovy dika nolazaina indroa mba hanamafisana. Ny fiteny sasany dia manana fomba samihafa hampisehoana fanamafisana. DH: "ny Tompo dia Andriamanitry ny olona velona ihany"

**fa ny velona**

"fa Andriamanitry ny velona." Satria maty arabatana ireo olona ireo, dia tsy maintsy mbola ho velona ara-panahy. DH: "fa Andriamanitry ny olona izay velona ny fanahiny, na dia mety maty aza ny vatan'izy ireo"

**satria ny rehetra dia velona ao aminy**

"satria eo imason'Andriamanitra dia mbola velona avokoa izy rehetra" na "satria ny fanahin'izy ireo dia velona amin'ny fanatrehan' Andriamanitra"

**Luke 20:39**

**Ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna namaly hoe**

"Ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna niteny tamin'i Jesosy." Nisy mpanora-dalàna nanatrika teo tamin'ireo Sadoseo nanontany an'i jesosy.

**Satria izy ireo**

Tsy mazava raha maneho ireo mpanora-dalàna ity, na ireo Sadoseo, na izy roa. Tsara kokoa ny mitazona ny fanamabarana amin'ny ankapobeny.

**tsy sahy nametraka fanontaniana hafa taminy intsony izy ireo**

"natahotra izy ireo hametraka fanontaniana hafa taminy." Azon'izy ireo fa tsy nahalala betsaka tahaka an'i Jesosy izy ireo, fa tsy te-hiteny izany. DH: "tsy nametraka fanontaniana maro hafa taminy intsony izy ireo satria natahotra sao hampiseho azy ireo toy ny adala indray ny valim-panontaniany feno fahendrena."

**Luke 20:41**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nametra-panontaniana ireo mpanora-dalàna Jesosy

**Ahoana no ilazan'izy ireo fa Kristy dia zanaka lahin'i Davida?**

"Nahoana izy ireo no milaza fa Kristy dia zanaka lahin'i Davida?" Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampieritreretana ireo mpanora-dalàna hoe izay

ilay Mesia. DH: "Hiresaka momban'izy ireo Aho hiteny hoe ... zanaka lahin'i Davida"

**ilazan'izy ireo**

ireo mpaminany, ireo mpanapaka fivavahana, ary ireo olona Jiosy amin'ny ankapobeny dia nahafantatra fa ilay Mesia dia zanak'i Davida. DH: "hoy ny rehetra hoe" na "ny olona dia milaza hoe"

**Zanak'i Davida**

"Taranak'i Davida mpanjaka." Ny teny hoe "zanaka" dia nampiasaina eto mba hanehoana ny taranaka. Amin'ity izany dia maneho ilay iray izay hanjaka amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

**Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko**

Ity dia teny nalaina tao amin'ny bokin'ny Salamao izay milaza hoe: "Yaveh niteny tamin'ny Tompoko." Fa ireo Jiosy nijanona niteny hoe: "Yaveh" ary niteny foana kosa hoe "Tompoko." DH: "Ny Tompo Andriamanitra niteny tamin'ny Tompoko" na "Andriamanitra niteny tamin'ny Tompoko"

**ny Tompoko**

Davida naneho an'i Kristy toy ny hoe "Tompoko"

**eo an-tanana ankavanako**

Ny havanana dia toeran'ny voninahitra. Andriamanitra dia maneho voninahitra ny Mesia amin'ny fitenenana Azy mba hipetraka eo amin'ny toeram-boninahitra eo amin'ny seza fiandrianana akaikin'Andriamanitra.

**mandra-panavako ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao**

Ireo fahavalon'ny Mesia dia noresahina toy ny hoe fitaovana fakan'aina ho an'ny tongony izy ireo. DH: "mandra-panavako ireo fahavalonao toy ny fitoeran-tongotra ho anao" na "mandra-pahazoako ireo fahavalonao ho anao"

**Noho izany Davida dia niantso an'i Kristy hoe 'Tompoko'**

Tamin'ny kolontsaina tamin'izany fotoana izany, dia najaina kokoa noho ny zanaka lahy ny ray. Ny fampiasan'i Davida ny fiantsoana hoe 'Tompoko' ho an'i kristy dia midika fa Izy dia lehibe noho Davida.

**koa ahoana no maha-zanak'i Davida Azy?**

"koa ahoana no maha-zanak'i Davida an'i Kristy?" DH: "ity dia mampiseho fa Kristy dia tsy taranak'i Davida fotsiny"

**Luke 20:45**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy izao mandefa ny fifantohany amin'ireo mpianany ary tena miresaka amin'izy ireo.

**Mitandrema**

"Miambena amin'ireo"

**izay maniry handeha miaraka amin'ny akanjo lava**

Ny akanjo lava dia mampiseho fa manan-danja izy ireo. DH: "izay tia mandeha miaraka amin'ny akanjo lava manan-danja'izy ireo"

**Izy ireo koa dia mandany ny tranon'ireo mpitondra-tena**  
Ireo mpanora-dalàna dia noresahina toy ny hoe biby  
noana izay mihinana ny zavatra rehetra  
nananan'ilay mpitondra-tena izy ireo. DH:  
"Noesorin'izy ireo tamin'ny mpitondra-tena koa ny  
fananan'izy ireo rehetra"

**tranon'ireo mpitondra-tena**  
Ity fomba fiteny ity dia maneho ny fananana  
rehetran'ilay mpitondra-tena. DH: "ny fananan'izy  
ireo rehetra"

**manao vavaka lavareny ho fisehosehoana**  
""mody miseho ho marina izy ireo ary manao vavaka  
lavareny"" na "manao vavaka lava be izy ireo mba  
ho hitan'ny olona"

**ho fisehosehoana**  
Ity dia midika fa ireo mpanora-dalàna dia manao  
zavatra mba hampisy lanja sy hampamarina ny  
tenan'izy ireo noho ny tena maha izy azy ireo.

**Ny lehilahy tahaka izany dia hahazo fanamelohana  
lehibe kokoa**  
"Hahazo fitsarana mafy kokoa noho ireo mpanota  
izy ireo." DH: "Andriamanitra dia hanasazy azy ireo  
mafy kokoa noho ireo hafa"

## Chapter 21

<sup>1</sup> Jesosy nanopy maso ka nahita ireo lehilahy manan-karena izay nandrotsaka ny fanatitr'izy ireo tao amin'ny fandatsahan-drakitra. <sup>2</sup> Nahita mpitondra-tena mahantra iray nandrotsaka farantsa roa tao Izy. <sup>3</sup> Ka hoy Izy hoe: "Lazaiko marina aminareo, ity mpitondra-tena mahantra ity dia nandrotsaka betsaka noho izy rehetra. <sup>4</sup> Ireo rehetra ireo dia nanome fanatitra araky ny haben'ny haren'ny. Fa ity mpitondra-tena ity, tamin'ny fahantrany, dia nandrotsaka ny fivelomany rehetra." <sup>5</sup> Raha nisy maro niresaka momba ny tempoly, fa voaravaka vato tsara tarehy sy fanatitra izany, dia hoy Izy hoe: <sup>6</sup> "Fa ny amin'ireo zavatra hitanareo ireo, mbola ho avy ny andro izay tsy hisy na vato iray aza hijanona amin'ny hafa ka tsy ho ravaina." <sup>7</sup> Koa nanontany Azy izy ireo, nanao hoe: "Ry mpampianatra, rahoviana ireo zavatra ireo no hitranga? Inona no famantarana rehefa hitranga ireo zavatra ireo?" <sup>8</sup> Jesosy namaly hoe: "Mitandrema mba tsy ho voafitaka ianareo. Fa maro no ho avy amin'ny anarako, hanao hoe: 'Izaho no izy,' ary, 'Efa akaiky ny fotoana.' Aza manaraka azy ireo. <sup>9</sup> Rehefa mandre ady sy fikomiana ianareo, dia aza mihorohoro, fa ireo zavatra ireo dia tsy maintsy hitranga aloha, fa ny farany dia tsy hitranga eo noho eo." <sup>10</sup> Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ny firenena dia hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana. <sup>11</sup> Hisy horohoron-tany lehibe, ary mosary sy areti-mandringana any amin'ny toerana samihafa. Hisy tranga mampatahotra ary famantarana lehibe avy any an-danitra. <sup>12</sup> Fa mialohan'ireo zavatra rehetra ireo, dia hisambotra anareo izy ireo ary hanenjika anareo, hanolotra anareo ao amin'ny synagoga sy ny figadrana, hitondra anareo eo anoloan'ireo mpanjaka sy ireo mpanapaka nohon'ny anarako. <sup>13</sup> Izany dia hanome fahafahana ho amin'ny fijoroanareo vavolombelona. <sup>14</sup> Noho izany dia manapaha hevitra ao am-ponareo mba tsy hanomana ny fiarovanareo mialohan'ny fotoana, <sup>15</sup> fa Izaho hanome teny sy fahendrena anareo, izay tsy afaka toherina sy lavin'ireo mpanohitra anareo. <sup>16</sup> Fa ianareo koa dia ho atolotry ny ray aman-dreny, ireo rahalahy, ireo havana sy ireo namana, ary izy ireo dia hamono ho faty ny sasany aminareo. <sup>17</sup> Ho halan'ny tsirairay noho ny anarako ianareo. <sup>18</sup> Fa tsy hisy ho very na dia singam-bolo iray eo amin'ny lohanareo aza. <sup>19</sup> Amin'ny faharetanareo no hamonjenareo ny fanahinareo. <sup>20</sup> Rehefa hitanareo voadidina miaramila Jerosalema, dia fantaro fa efa akaiky ny faharavany. <sup>21</sup> Dia aoka ireo izay any Jodia handositra any an-tendrombohitra, ary aoka ireo izay any afovoan'ny tanàna hiala, ary aza avela hiditra ao ireo izay any ambanivohitra. <sup>22</sup> Fa ireo no andron'ny valifaty, mba ho tanteraka ireo zavatra rehetra efa voasoratra. <sup>23</sup> Loza ho an'ireo izay mitondra vohoka sy ho an'ireo mampinono amin'izany andro izany! Fa hisy fahoriana lehibe eo amin'ny tany, ary hatezerana amin'io vahoaka io. <sup>24</sup> Ho lavon'ny sabatra izy ireo ary hoentina ho babo any amin'ny firenena rehetra, ary Jerosalema dia ho voahosihosin'ireo Jentilisa, mandrapa-tanteraky ny andron'ny Jentilisa. <sup>25</sup> Hisy famantarana eny amin'ny masoandro, eny amin'ny volana, sy eny amin'ny kintana, ary eto an-tany. Ho trapahoriana ireo firenena, hitaintaina nohon'ny eron-dranomasina sy ireo onja. <sup>26</sup> Hisy lehilahy ho toran'ny tahotra sy ny fiandrasana ireo zavatra izay ho avy eto an-tany. Fa ho voahozongozona ny herin'ny lanitra. <sup>27</sup> Avy eo dia ho hitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga eny amin'ny rahona miaraka amin'ny hery sy voninahitra lehibe. <sup>28</sup> Fa rehefa manomboka mitranga ireo zavatra ireo, dia mitsangàna ary hasandrato ny lohanareo, satria efa akaiky ny fanafahana anareo." <sup>29</sup> Nanao fanoharana tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Jereo ny hazon'aviavy, sy ireo hazo rehetra. <sup>30</sup> Rehefa manaroka ireo, dia ho hitanareo manokana fa efa akaiky ny lohataona. <sup>31</sup> Toy izany ihany koa, rehefa hitanareo mitranga ireo zavatra ireo, dia fantatrarao fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>32</sup> Lazaiko aminareo, marina tokoa, ity taranaka ity dia tsy ho faty mandra-pisehon'ireo zavatra ireo. <sup>33</sup> Ny lanitra sy ny tany dia ho levona, fa ireo teniko dia tsy ho levona mandrakizay. <sup>34</sup> Fa mitandrema amin'ny tenanareo, mba tsy ho vesaran'ny vokatra ny fisotroana sy ny fahamamoana ny fonareo, sy ireo ahiahin'ny fiainana, ka avy eo dia hikatona tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. <sup>35</sup> Fa izany dia ho tonga amin'ny tsirairay izay miaina maneran-tany. <sup>36</sup> Fa mba mailo amin'ny fotoana rehetra, mivavaha mba ho ampy hery ianareo handosirana ireo zavatra rehetra izay hiseho, ary hitsanganana eo anoloan'ny Zanak'Olona." <sup>37</sup> Koa nandritry andro dia nampianatra tao amin'ny tempoly Izy, ary ny alina dia nandeha nivoaka Izy ary nijanona teo an-tendrombohitra'Oliva. <sup>38</sup> Ireo vahoaka rehetra dia tonga vao mangiran-dratsy mba hihaino Azy tao amin'ny tempoly.

**Luke 21:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no hetsika manaraka ao amin'ny tantara. Fotoana mety nisehoany: 1) Mety niseho tamin'ny andro nametrahana ireo Sadoseo fanontaniana an'i Jesosy ity (20:27) na 2) mety andro hafa ity. Jesosy manomboka mampianatra ireo mpianany.

**fanatitra**

"fanatitra vola"

**fandatsahan-drakitra**

"fanangonam-bola." Ity dia iray amin'ireo vata ao amin'ny kianjan'ny tempoly izay handrotsahan'ny olona vola toy ny fanatitra ho an'Andriamanitra.

**mpitondra-tena mahantra iray**

Ity dia fomba iray hampidirana mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

**Lazaiko marina aminareo**

Ity dia midika fa izay ho lazain'i Jesosy dia tena zava-dehibe.

**Lazaiko aminareo**

Jesosy niresaka tamin'ireo mpianany.

**Ity mpitondratena mahantra ity dia nandrotsaka betsaka noho izy rehetra**

Ity akory tsy midika hoe nandrotsaka vola be noho ireo lehilahy mpanan-karena izy. Fa kosa, midika izany fa Andriamanitra nandray ny fanatitrany ho manan-danja kokoa noho ny vola be nomen'ireo lehilahy. DH: "ny fanatitra kelin'ilay mpitondra-tena dia sarobidy kokoa noho ny fanatitra ben'ireo lehilahy mpanan-karena"

**nanome fanatitra araky ny haben'ny haren'ny**

"manam-bola be fa nanome anjara kely tamin'izany fotsiny"

**tamin'ny fahantrany**

"izay nanana vola tena kely"

**Luke 21:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy mivadika amin'ny firesahana momban'ilay mpitondratena mba hampianarana momban'ny tempoly.

**fanatitra**

"zavatra izay nomen'ny olona an'Andriamanitra"

**ireo zavatra izay hitanareo ireo**

Ity dia maneho ilay tempoly mahafinaritra sy ny haingony.

**ho avy ny andro izay**

"hisy fotoana izay" na "indray andro any"

**tsy hisy vato na iray aza hijanona amin'ny hafa**

DH: "ireo fahavalo dia tsy hamela na dia vato iray aza eo ambonin'ny hafa."

**tsy hisy na vato iray ... tsy ho ravana**

DH: "ny vato rehetra dia ho esorina amin'ny toerany ary ho ravaina avokoa"

**ka tsy ho ravaina**

DH: "Ho ravaina avokoa izy rehetra" na "ireo fahavalo dia handrava ny vato rehetra"

**Luke 21:7****nanontany Azy izy ireo hoe**

"ireo mpianatra nanontany an'i Jesosy" na "Ireo mpianatr'i Jesosy nanontany Azy"

**ireo zavatra ireo**

Ity dia maneho izay vao nolazain'i Jesosy momban'ireo fahavalo namotika ny tempoly.

**mba tsy ho voafitaka ianareo**

Jesosy niresaka tamin'ireo mpianany. DH: "mba tsy hino lainga ianareo" na "mba tsy hisy hamitaka anareo"

**amin'ny anarako**

Ny olona tonga amin'ny anarany dia milaza fa maneho Azy. DH: "milaza ho Izy" na "milaza ho manana ny fahefako"

**Izaho no izy**

"Izaho no Kristy" na "Izaho no Mesia"

**Aza manaraka azy ireo**

"Aza mino azy ireo" na "Aza manao mpianatr'izy ireo"

**aza mihorohoro**

"aza avela hampihorohoro anao ireny zavatra ireny" na "aza matahotra"

**ny farany dia tsy hitranga eo noho eo**

Ity dia maneho ny fitsarana farany. DH: "tsy hitranga eo noho eo aorian'ny ady sy fikomiana ny faran'izao tontolo izao" na "izao tontolo izao dia tsy hifarana eo noho eo aorian'ireo zavatra hitranga ireo"

**ny farany**

"ny faran'ny zavatra rehetra" na "ny faran'ny taona"

**Luke 21:10****Ary hoy Izy tamin'izy ireo**

"Avy eo Jesosy niteny tamin'ireo mpianany." Satria ity dia tohin'ny resak'i Jesosy tao amin'ny andininy teo aloha, dia mety tsy te-hilaza hoe "Ary hoy Izy tamin'izy ireo" ny fiteny sasany.

**Ny firenena dia hitsangana hanohitra firenena**

"Ny firenena iray dia hanafika firenena iray hfa."  
DH: "Ireo firenena dia hanafika firenena hafa"

**firenena**

Ity dia maneho ireo vondron'olona ara-poko.

**fanjakana hanohitra fanjakana**

Tsy naverina ny teny sasany mba hanaovana ity ho fanambarana fohy. DH: "ireo tafika avy amin'ny fanjakana iray dia hanafika ny tafika avy amin'ny fanjakana iray hafa"

**ary mosary sy areti-mandringana any amin'ny toerana samihafa**

Tsy naverina ny teny sasany mba hanaovana ity ho fanambarana fohy. DH: "hisy mosary sy areti-mandringana any amin'ny toerana maro" na "fotoan'ny hanoanana sy aretina izay hamono olona maro amin'ny toerana samihafa"

**tranga mampatahotra**

"tranga izay mampihorohoro olona" na "tranga izay hampatahotra ny olona"

**Luke 21:12****ireo zavatra ireo**

Ity dia maneho zavatra mahatsiravina izay nolazain'i Jesosy fa hitranga.

**hisambotra anareo izy ireo**

Ity fomba fiteny ity dia maneho ny olona mampihatra fahefana amin'ireo mpianatra.

**izy ireo**

"ny olona" na "ireo fahavalo"

**anareo**

Jesosy niresaka tamin'ireo mpianany.

**hanolotra anareo ao amin'ny synagoga**

"hanolotra anareo amin'ireo mpitarika ny synagoga." Ireo mpitarika ny synagoga dia afaka mandrara ireo Jiosy hafa rehetra amin'ny fifandraisana amin'ireo mpianatra satria manaraka an'i Jesosy izy ireo.

**sy ny figadrana**

"ary hanolotra anareo any amin'ny figadrana"

**nohon'ny anarako**

ny teny hoe "anarako" dia nampiasaina eto mba hanehoana an'i Jesosy. DH: "noho Izaho" na "satria manaraka Ahy ianareo"

**ho amin'ny fijoroanareo vavolombelona**

"ho anareo mba hilaza azy ireo ny fijoroanareo vavolombelona momba Ahy"

**Luke 21:14****Noho izany**

Jesosy mampiasa ity teny ity eto mba hiverenana hanehoana ny zavatra rehetra izay nolazainy, nanomboka tao amin'ny 21:10.

**manapaha hevitra ao am-ponareo**

Ny "fo" dia maneho ireo fanapahan-kevitra ny olona rehetra. DH: "manapaha hevitra"

**mba tsy hanomanana ny fiarovanareo**

"mba tsy haminavina izay ho lazainareo mba hiarovana ny tenanareo amin'ny fiampangan'izy ireo."

**Izaho hanome teny sy fahendrena anareo**

"ho lazaiko anareo izay zavatra hendry tokony ho tenenina"

**teny sy fahendrena**

Afaka atambatra iray ihany ireo. DH: "tenin'ny fahendrena" na "teny hendry"

**ireo mpanohitra anareo**

Ity dia afaka hanombohana fehezanteny vaovao. DH: "Ireo mpanohitra anareo"

**Luke 21:16****ianareo ihany koa dia ho atolotry ny ray aman-dreny, ireo rahalahy, ireo havana sy ireo namana**

DH: "na dia ny ray aman-dreninareo, rahalahy, havana, ary namanareo aza dia hanolotra anareo amin'ireo manam-pahefana"

**ary izy ireo dia hamono ho faty ny sasany aminareo**

Ireo dika azo heverina: 1) "ireo manam-pahefana dia hamono ny sasany aminareo" na 2) "ireo izay manolotra anareo dia hamono ny sasany aminareo."

**ho halan'ny tsirairay ianareo**

Ity dia fanatomboana resaka mba hanamafisana ny maha-lehibe ny fanenjehana.

**nohon'ny anarako**

Ny "anarako" eto dia maneho an'i Jesosy. DH: "satria manaraka Ahy ianareo"

**Fa tsy hisy ho very na dia singam-bolo iray eo amin'ny lohanareo aza**

Ity dia maneho ny iray amin'ireo fizarana kely indrindra amin'ny olona mba hanamafisana fa ilay olona iray manontolo dia tsy ho very. Jesosy efa niteny fa ny sasany amin'izy ireo ho faty. Noho izany ny sasany dia mahazo fa izany dia midika fa tsy haratra ara-panahy izy ireo. DH: "Fa ireo zavatra ireo dia tsy afaka tena handratra anao" na "Na dia ny volo rehetra eo amin'ny lohanao aza dia ho voaaro"



**Amin'ny faharetanareo**

"amin'ny fihazonana mafy orina." DH: "Raha tsy miala ianareo"

**Amin'ny faharetanareo no hamonjenareo ny fanahinareo**

DH: "hahazo ny fiainana ianareo" na "hamonjy ny tenanareo ianareo"

**Luke 21:20****voadidina miaramila Jerosalema**

DH: "miaramila manodidina an'i Jerosalema"

**efa akaiky ny faharavany**

"fa ho rava tsy ho ela izany" na "fa handrava izany tsy hoe ela izy ireo"

**handositra**

"hiala amin'ny loza"

**any ambanivohitra**

Ity dia maneho ny faritra ambanivohitra ivelan'i Jerosalema, fa tsy ny firenena. DH: "ivelan'ny tanàna"

**hiditra ao**

"hiditra ao Jerosalema"

**ireo no andron'ny valifaty**

"ireo no andron'ny fanasaziana" na "izany no fotoana hanasazian'Andriamanitra ity tanàna ity"

**ireo zavatra rehetra efa voasoratra**

DH: "ireo zavatra rehetra izay nosoratan'ny mpaminany tao amin'ny Soratra Masina efa ela."

**ho tanteraka**

DH: "hitranga"

**Luke 21:23****ho an'ireo mampinono**

"ireo reny izay mampinono ny zanak'izy ireo"

**hisy fahoriana lehibe eo amin'ny tany**

Ireo dika azo heverina: 1) ny olon'ny tany dia ho ory na 2) hisy loza ara-batana eto amin'ny tany.

**ary hatezerana amin'io vahoaka io**

"hisy hatezerana amin'ny olona amin'izany fotoana izany." Andriamanitra hitondra izany hatezerana izany. DH: "ity vahoaka ity dia hiaina ny hatezeran'Andriamanitra" na "ho tezitra mafy Andriamanitra ary hanasazy ity vahoaka ity"

**ho lavon'ny sabatra izy ireo**

"ho fatin'ny sabatra ireo." DH: "ho vonoin'ny tafiky ny fahavalo izy ireo"

**ho entina ho babo any amin'ny firenena rehetra**

DH: "Ireo fahavalon'izy ireo dia hisambotra azy ireo ary hitondra azy ireo any amin'ireo firenena hafa"

**any amin'ny firenena rehetra**

"any amin'ny firenena maro hafa"

**Jerosalema dia ho voahosihosin'ireo Jentilisa**

Ireo dika azo heverina: 1) ireo Jentilisa dia handresy an'i Jerosalema ary hibodo izany. na 2) ireo Jentilisa dia hamotika ilay tanànan'i Jerosalema. na 3) ireo Jentilisa dia hamotika ny olon'i Jerosalema.

**voahosihosin'ireo Jentilisa**

Ity dia maneho ny fanapahana. DH: "resin'ireo Jentilisa" na "ravan'ireo firenena hafa"

**mandrapaha-tanteraky ny andron'ny Jentilisa**

DH: "tonga ny faran'ny fe-potoanan'ireo Jentilisa"

**Luke 21:25****Ho tra-pahoriana ireo firenena**

Eto ny "firenena" dia maneho ny olona ao amin'izany. DH: "ho tra-pahoriana ny olona ao amin'ireo firenena" na "hitaintaina ny olona ao amin'ireo firenena"

**hitaintaina nohon'ny eron-dranomasina sy ireo onja**

"satria izay ireo dia very hevitra amin'ny eron-dranomasina sy ireo onja" na "ary ny tabataba mafin'ny ranomasina sy ny onjany dia hampatahotra ny olona."

**ireo zavatra izay ho avy eto an-tany**

"ireo zavatra izay hitranga eto amin'izao tontolo izao" na "ireo zavatra izay hitranga amin'izao tontolo izao"

**Fa ho voaozongozona ny herin'ny lanitra**

Ireo dika azo heverina: 1) ireo zavatra any an-danitra toy ny masoandro, volana, ary kintana dia tsy hietsika amin'ny tena fomba fandehan'izy ireo. DH: "Andriamanitra hanozongozona ireo zavatra manan-kery any an-danitra" na 2) ho ory ireo fanahy mahery any an-danitra.

**Luke 21:27****Zanak'Olona**

Jesosy maneho ny tenany ihany. DH: "Izaho, Zanak'Olona"

**tonga eny amin'ny rahona**

"midina eny amin'ny rahona"

**miaraka amin'ny hery sy voninahitra lehibe**

Eto ny "hery" dia mety maneho ny fahefany hitsara izao tontolo izao. Eto ny "voninahitra" dia mety maneho ny hazavana mampirapiratra. Indraindray Andriamanitra mampiseho ny halehibeny miaraka amin'ny hazavana mampirapiratra. DH: "amin-kery sy amim-boninahitra" na "ary hanan-kery sy ho be voninahitra Izy"

**mitsangàna**

Indraindray rehefa matahotra ny olona, dia miondrika izy ireo mba tsy ho hita na haratra. Rehefa tsy matahotra intsony izy ireo, dia mitsangana. DH: "mitsangàna amin-toky"

**hasandrato ny lohanareo**

Amin'ny fanandratana ny lohan'izy ireo hijery ambony, dia ho afaka hijery ny mpanavotra azy ireo manatona azy ireo izy ireo. DH: "mijere ambony"

**satria efa akaiky ny fanafahana anareo**

DH: "satria manatona anareo ny mpanafaka anareo" na "satria tsy hoe ela Andriamanitra dia hanavotra anareo"

**Luke 21:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Raha manohy mampianatra ireo mpianany Jesosy, dia milaza fanoharana azy ireo.

**Rehefa manaroka ireo**

"Rehefa manomboka maniry ny ravin-kazo vaovao"

**efa akaiky ny lohataona**

"efa hanomboka ny lohataona." DH: "efa hanomboka ny fotoam-bokatra"

**Toy izany koa, rehefa hitanareo mitranga ireo zavatra ireo**

Ny fisehon'ireo famantarana izay vao nofaritan'i Jesosy dia mampahafantatra ny fiavian'ny fanjakan'Andriamanitra toy ny fisehon'ireo ravin'aviavy mampahafantatra ny fiavian'ny lohataona.

**efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra**

"Tsy ho ela Andriamanitra dia hametraka ny fanjakany." DH: "hanapaka tsy ho ela toy ny mpanjaka Andriamanitra"

**Luke 21:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy mampianatra ireo mpianany.

**Lazaiko aminareo, marina tokoa**

Ity fomba fiteny ity dia manamafy ny maha-zava-dehibe izay ho lazain'i Jesosy.

**ity taranaka ity**

Ireo dika azo heverina: 1) ny taranaka izay hahita ny voalohany amin'ireo famantarana izay noresahan'i Jesosy na 2) ny taranaka izay noresahan'i Jesosy.

**tsy ho faty mandra-**

DH: "ho mbola velona rehefa"

**Ny lanitra sy ny tany dia ho levona**

"Ny lanitra sy ny tany dia hatsahatra tsy hisy intsony." Ny teny hoe "lanitra" eto dia maneho ny lanitra sy izao rehetra izao.

**ireo teniko dia tsy ho levona mandrakizay**

"Ny teniko dia tsy hitsahatra tsy hisy mihintsy" Jesosy mampiasa "teny" eto mba hanehoana ny zavatra rehetra izay lazainy.

**tsy ho levona mandrakizay**

DH: "hitoetra mandrakizay"

**Luke 21:34****mba tsy ho vesarana ny fonareo**

Ny "fo" eto dia maneho ny saina sy ireo eritreritrin'ny olona. DH: "mba tsy ho sahirana amin'ny ... ianao"

**tsy hoe vesarana**

Jesosy eto miresaka ireo fahotana manaraka toy ny hoe lanja ara-batana izay mila entin'ny olona.

**vokatry ny fisotroana**

"fisotroana divay be loatra izay hampamamo ny iray.

**ireo ahiahin'ny fiainana**

"fiahihiana be loatra momban'ny fiainana"

**avy eo dia hikatona tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany**

Tahaka ny hikatonan'ny fandrika amin'ny biby rehefa tsy nanampo izany ny biby, dia hitranga izany andro izany rehefa tsy nanampo izany ny olona. DH: "hitranga izany andro izany rehefa tsy nanampo izany ianareo, tahaka ny hikatonan'ny fandrika tampoka amin'ny biby"

**hikatona tampoka aminareo izany andro izany**

Ny fiavian'izany andro izany dia hiseho tampoka ary tsy hampoizina ho an'ireo izay tsy vonona sy mijery izany. DH: "Fa raha tsy mitandrana ianareo, dia hikatona tampoka aminareo izany andro izany."

**izany andro izany**

Ity dia maneho ny andro hiverenan'i Mesia. DH: "ny andro hiavian'ny Zanak'Oloha"

**izany dia ho tonga amin'ny tsirairay**

"hiantraika amin'ny tsirairay izany" na "ny tranga amin'izany andro izany dia hiantraika amin'ny tsirairay"

**maneran-tany**

Ny velaran-tany dia resahina toy ny tavan'olona. DH: "amin'ny velaran'ny tany iray manontolo" na "amin'ny tany manontolo"

**Luke 21:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny fampianaran'i Jesosy ireo mpianany.

**mba mailo**

"mivonona amin'ny fiaviako"

**ampy hery handosirana ireo zavatra ireo**

Ireo dika azo heverina: 1) "ampy hery hiaretana ireo zavatra ireo" na 2) "afaka miala amin'ireo zavatra ireo"

**ireo zavatra rehetra izay hiseho ireo**

"ireo zavatra izay hitranga ireo." Jesosy vao avy niteny azy ireo ny momban'ireo zavatra mahatsiravina izay hitranga toy ny fanenjehana, ady, ary fahababoana.

**hitsangana eo anoloan'ny Zanak'Olona**

"hitsangana am-pitokiana eo anolona'ny Zanak'Olona." Ity dia mety maneho ny fotoana hitsaran'ny Zanak'Olona ny tsirairay. Ny olona izay tsy vonona dia hatahotra ny Zanak'Olona ary tsy hitsangana am-pitokiana.

**Luke 21:37****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ny fizaran'ny tantara izay nanomboka tao amin'ny 21:1. Ireto anadininy ireto dia milaza

ny fandehan'ny hetsika izay mitoy aorian'ny faran'ny fizarana lehiben'ny tantara.

**Nandritry ny andro dia mampianatra Izy**

"mampianatra Izy isan'andro." Ireto andininy manaraka ireto dia milaza momban'ireo zavatra izay nataon'i Jesosy sy ny olona isan'andro nandritry ny erinandro mialohan'ny nahafatesany.

**tao amin'ny tempoly**

Ireo mpisorona ihany no nahazo alalana hankao amin'ny tempoly. DH: "ao an-tempoly" na "eo amin'ny kianjan'ny tempoly"

**ary ny alina dia nandeha nivoaka Izy**

"ary ny alina dia nandeha nivoaka ny tanàna Izy" na "nivoaka Izy isan-kalina"

**Ireo vahoaka rehetra**

Ity dia fanatomboana resaka mba hanamafisana ny habetsakin'ny vahoka. DH: "olona maro isa" na "'saika ny rehetra"

**tonga vao mangiran-dratsy**

"ho tonga vao mangiran-dratsy"

**mba hihaino Azy**

"mba hihaino Azy mampianatra"

## Chapter 22

<sup>1</sup> Ary efa antomotra ny Firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy masirasira, izay antsoina hoe Paska. <sup>2</sup> Niady hevitra ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna ny amin'ny fomba afahan'izy ireo mamono an'i Jesosy, satria natahotra ny olona izy ireo. <sup>3</sup> Avy eo Satana niditra tamin'i Jodasy Iskariota, izay iray tamin'ireo roa ambin'ny folo. <sup>4</sup> Jodasy nandeha nankany amin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo kapiteny ary niady hevitra tamin'izy ireo ny amin'ny fomba hamadihany an'i Jesosy eo amin'izy ireo. <sup>5</sup> Faly izy ireo, ary nanaiky ny hanome vola azy. <sup>6</sup> Nanaiky izy, ary nitady kendry tohana mba hanolorany Azy eo amin'izy ireo lavitry ny vahoaka. <sup>7</sup> Tonga ny andron'ny mofo tsy misy masirasira, izay tsy maintsy hanaovana sorona ny zanak'ondrin'ny Paska. <sup>8</sup> Jesosy naniraka an'i Petera sy Jaona, nanao hoe: "Mandehana ary homano ho antsika ny sakafon'ny Paska, mba afahantsika mihinana izany." <sup>9</sup> Izy ireo nanontany Azy hoe: "Aiza no tianao hanaovanay ny fanomanana?" <sup>10</sup> Namaly azy ireo Izy hoe: "Henoy, rehefa miditra ny tanàna ianareo, dia hisy lehilahy iray mitondra sinin-drano hifanena aminareo. Manaraha azy any amin'izay trano idirany. <sup>11</sup> Dia teneno ny tompon-trano hoe: 'Ny Mpampianatra milaza aminao hoe: 'Aiza ny efi-trano fandraisam-bahiny, izay hihinana ny sakafon'ny Paska miaraka amin'ireo mpianatra?'" <sup>12</sup> Izy hampiseho anareo efitrano ambony rihana lehibe misy fanaka. Ataovy ao ny fanomanana." <sup>13</sup> Koa dia nandeha izy ireo, ary nahita ny zavatra rehetra araka izay nolazainy tamin'izy ireo. Ary nanomana ny sakafon'ny Paska izy ireo. <sup>14</sup> Rehefa tonga ny fotoana, dia nipetraka niaraka tamin'ireo apostoly Izy. <sup>15</sup> Dia niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Naniry mafy ny hihinana ity Paska ity miaraka aminareo Aho mialohan'ny hijialiako. <sup>16</sup> Fa lazaiko aminareo, tsy hihinana ity intsony Aho, mandra-pahatanterak'izany any amin'ny fanjakan' Andriamanitra." <sup>17</sup> Dia nandray kapoaka Jesosy, ary rehefa nisaotra Izy, dia nanao hoe: "Raiso ity, ary zarao aminareo. <sup>18</sup> Fa lazaiko aminareo, tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho, mandra-pahatongan'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>19</sup> Dia nandray ny mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia notapahiny izany, ary nomeny azy ireo, dia niteny hoe: "Ity ny vatako izay omena ho anareo. Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy." <sup>20</sup> Noraisiny tahaka izany koa ny kapoaka rehefa vita ny sakafo, dia hoy izy hoe: "Ity kapoaka ity dia ilay fanekena vaovao amin'ny ràko, izay narotsaka ho anareo. <sup>21</sup> Fa mitandrema. Ilay iray izay hamadika Ahy dia miaraka Amiko eto an-databatra. <sup>22</sup> Fa ny Zanak'Olona dia mandeha tokoa araka izay voatendry. Fa loza ho an'izany lehilahy izay hamadika Azy izany!" <sup>23</sup> Nanomboka nifapanontany izy ireo ny amin'ny iray amin'izy ireo izay mety hanao izany. <sup>24</sup> Dia nisy fifandirana nitranga koa teo amin'izy ireo momba izay heverina ho lehibe indrindra amin'izy ireo. <sup>25</sup> Niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Ireo mpanjakan'ny Jentilisa dia tompon'izy ireo, ary ireo izay manana fahefana amin'izy ireo dia atao ho toy ireo izay manao tsara ho an'ny vahoakany. <sup>26</sup> Fa tsy toy izany mihintsy ny aminareo. Mifanohitra amin'izany, aoka izay lehibe indrindra aminareo ho lasa toy ny kely indrindra, ary aoka izay manan-danja indrindra ho tonga tahaka izay manompo. <sup>27</sup> Fa iza no lehibe kokoa, izay mipetraka amin'ny latabatra, sa izay manompo? Tsy izay mipetraka eo amin'ny latabatra ve? Kanefa Izaho eto aminareo toy ny iray izay manompo. <sup>28</sup> Fa ianareo no olona izay nanohy niaraka tamiko tao amin'ny fakam-panahy nianjady tamiko. <sup>29</sup> Omeko fanjakana ianareo, tahaka ny Raiko koa izay nanome fanjakana ho Ahy, <sup>30</sup> mba ho afaka hihinana sy hisotro eo an-databatro any amin'ny fanjakako ianareo, ary hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana hitsara ny fokon'ny Israely roa ambin'ny folo ianareo. <sup>31</sup> Simona, Simona, mitandrema, mitady ny hahazo anareo Satana, mba afahany manivana anareo toy ny vary. <sup>32</sup> Fa nivavaka ho anao Aho, mba tsy ho faty ny finoanao. Aorian'ny hiverenanao indray, dia ampaherezo ireo rahalahinao." <sup>33</sup> Petera niteny taminy hoe: "Tompo, vonona hiaraka Aminao aho na any am-ponja na ho any amin'ny fahafatesana." <sup>34</sup> Jesosy namaly hoe: "Lazaiko aminao, ry Petera, tsy haneno ny akoho amin'izay andro izay, mialohan'ny handavanao Ahy intelo hoe mahafantatra Ahy ianao." <sup>35</sup> Dia niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Rehefa nandefa anareo tsy niaraka tamin'ny fitoeram-bola, kitapom-batsy, na kiraro Aho, nisy zavatra tsy ampy anareo ve?" Namaly izy ireo hoe: "Tsy nisy." <sup>36</sup> Dia niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Fa izao, izay manana fitoeram-bola, aoka izy haka izany, na kitapom-batsy ihany koa. Izay tsy manana sabatra dia tokony hivarotra ny lambany ary hividny iray. <sup>37</sup> Fa Izaho miteny aminareo, izay voasoratra momba Ahy dia tsy maintsy tanteraka: 'Izy dia noraisina toy ny iray amin'ireo tsy manara-dalàna.' Fa izay nolazaina mialoha momba Ahy dia efa ho tanteraka" <sup>38</sup> Dia niteny izy ireo hoe: "Tompo, jereo! Ireto misy sabatra roa." Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ampy izay." <sup>39</sup> Taorian'ny sakafo, dia nandeha Jesosy, toy ny fanaony matetika, tany an-tendrombohitra'Oliva, ary nanaraka Azy ireo mpianatra. <sup>40</sup> Rehefa tonga izy ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo: "Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy." <sup>41</sup> Niala teo amin'izy ireo teo ho eo amin'ny indray mitora-bato Izy, dia nandohalika Izy ary nivavaka, <sup>42</sup> nanao hoe: "Ray o, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity. Na izany aza tsy ny sitrako, fa ny Anao no hatao". <sup>43</sup> Dia nisy

anjely avy any an-danitra niseho taminy, nampahery Azy. <sup>44</sup> Tao anatin'ny fangirifiriana, nivavaka tamin-kafanam-po mafy kokoa Izy, ary ny hatsembohany dia lasa toy ny rà nitete tamin'ny tany. <sup>45</sup> Ary rehefa nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankany amin'ny mpianatra, ary nahita azy ireo natory nohon'ny alahelon'izy ireo, <sup>46</sup> ka nanontany azy ireo hoe: "Nahoana no matory ianareo? Mitsangàna ary mivavaha, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy." <sup>47</sup> Raha mbola niteny Izy, indro, nisy vahoaka niseho, niaraka tamin'i Jodasy, iray amin'ireo roa ambin'ny folo, nitarika azy ireo. Nanakaiky an'i Jesosy izy mba hanoroka Azy, <sup>48</sup> fa Jesosy niteny taminy hoe: "Jodasy, mamadika ny Zanak'Olona amin'ny oroka ve ianao?" <sup>49</sup> Rehefa nahita ny zava-nitranga ireo izay nanodidina an'i Jesosy, dia niteny izy ireo hoe: "Tompo, tokony hamely amin'ny sabatra ve izahay?" <sup>50</sup> Avy eo ny iray tamin'izy ireo namely ny mpanompon'ny mpisoronabe, ary nanapaka ny sofiny havanana. <sup>51</sup> Jesosy niteny hoe: "Ampy izay!" Nokasihiny ny sofiny, ary nositrany izy. <sup>52</sup> Jesosy niteny tamin'ny lohan'ny mpisorona, tamin'ireo kapitenin'ny tempoly, ary tamin'ireo loholona izay tonga hanohitra Azy hoe: "Tonga toy ny hisambotra mpangalatra ve ianareo, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy?" <sup>53</sup> Tamin'Izaho niaraka taminareo isan'andro tao an-tempoly, tsy nisambotra Ahy ianareo. Fa izao no oranareo, sy ny fahefan'ny haizina." <sup>54</sup> Teo am-pisamborana Azy, dia notarihan'izy ireo Izy, ary nentin'izy ireo tany an-tranon'ny mpisoronabe. Fa Petera nanaraka avy teny lavidavitra. <sup>55</sup> Rehefa avy nampirehitra afo teo afovoan'ny tokontany ary niara-nipetraka izy ireo, dia nipetraka teo afovoan'izy ireo Petera. <sup>56</sup> Nisy mpanompo vavy iray nahita azy raha nipetraka teo amin'ny fahazavan'ny afo izy, ary nijery mahitsy azy sy niteny hoe: "Ity lehilahy ity koa niaraka taminy." <sup>57</sup> Fa Petera nandà izany, niteny hoe: "Ry vehivavy, tsy fantatro Izy." <sup>58</sup> Afaka kelikely dia nisy olona hafa nahita azy, ary niteny hoe: "Ianao koa iray amin'izy ireo." Fa Petera niteny hoe: "Ry lehilahy, tsy izy aho." <sup>59</sup> Nony afaka adiny iray teo ho eo dia nisy lehilahy hafa nanizingizina sy niteny hoe: "Marina fa niaraka taminy koa ity lehilahy ity, fa izy dia Galiliana." <sup>60</sup> Fa Petera niteny hoe: "Ry lehilahy, tsy fantatro izay teneninao." Teo no ho eo, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno. <sup>61</sup> Niherika, ny Tompo nijery an'i Petera, ary Petera nahatsiaro ny tenin'ny Tompo, tamin'ny niteny taminy Izy hoe: "Alohan'ny hanenoin'ny akoho anio dia handà Ahy intelo ianao." <sup>62</sup> Nivoaka tany ivelany Petera ary nitomany mafy. <sup>63</sup> Ary ireo lehilahy niambina an'i Jesosy dia nananilahy ary nikapoka Azy. <sup>64</sup> Nasian'izy ireo sarona Izy ary nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Maminania! Iza ilay olona izay mikapoka Anao?" <sup>65</sup> Niteny zavatra hafa maro hanohitra an'i Jesosy izy ireo, niteny ratsy Azy. <sup>66</sup> Raha vao nazava ny andro, dia niara-niangona ireo loholona, ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna. Nentin'izy ireo tany amin'ny Synedriona Izy <sup>67</sup> ary niteny hoe: "Raha ianao no Kristy, dia teneno aminay." Fa Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha ho teneniko aminareo, dia tsy hino ianareo", <sup>68</sup> ary raha hanontany anareo Aho, dia tsy hamaly ianareo. <sup>69</sup> Fa manomboka izao, ny Zanak'Olona dia hipetraka eo an-tanana akavanan'ny herin'Andriamanitra." <sup>70</sup> Izy rehetra niteny hoe: "Dia Zanak'Andriamanitra izany ianao?" Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Voalazanareo fa Izaho no Izy." <sup>71</sup> Izy ireo niteny hoe: "Nahoana no mbola mila vavolombelona isika? Fa isika mihitsy no naheno avy tamin'ny vavany."

## Luke 22:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Jodasy manaiky hamadika an'i Jesosy. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'ity fizarana ao amin'ny tantara ity.

### Ary

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hampidirana fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

### Firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy masirasira

Ilay firavoravoana dia nantsoina tamin'ity anarana ity satria nandritry ny firavoravoana, dia tsy nihinana mofo tsy vita amin'ny lalivay izy ireo. DH: "firavoravoana izay hihinanan'izy ireo mofo tsy misy masirasira"

### efa antomotra

"efa akaiky hanomboka"

### ny amin'ny fomba afahan'izy ireo mamono an'i Jesosy

Ireo mpisorona sy mpisorona-be dia tsy nanana fahefana hamono an'i Jesosy, fa nanantena ireo hafa hamono Azy izy ireo. DH: "ahoana no mety hanoloran'izy ireo an'i Jesosy amin'ny fahafatesana" na "ahoana no mety hamporisihan' izy ireo ny olona hamono an'i Jesosy"

### natahotra ny olona

Ireo dika azo heverina: 1) "natahotra izay mety ho ataon'ny olona" na 2) "natahotra fa mety hanao an'i Jesosy ho mpanjaka ny olona"

**Luke 22:3****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fiantombohan'ny hetsika ao amin'ity fizaran'ny tantara ity.

**Satana niditra tamin'i Jodasy Iskariota**

Ity dia mety mifanakaiky amin'ny fisian'ny demonia.

**lohan'ny mpisorona**

"ireo mpitarika ny mpisorona"

**kapiteny**

"manam-pahefana amin'ireo mpiambina ny tempoly"

**ny fomba hamadihany an'i Jesosy eo amin'izy ireo**

"ny fomba afahany manampy azy ireo hisambotra an'i Jesosy"

**Luke 22:5****izy ireo**

"ireo lohan'ny mpisorona sy kapiteny"

**hanome vola azy**

"hanome vola an'i Jodasy"

**nitady kendry tohana mba hanolorana Azy eo amin'izy ireo lavitry ny vahoaka**

Ity dia hetsika mandeha izay mitohy aorian'ny fiakaran'ity fizarana ao amin'ny tantara ity.

**mba hanolorana Azy**

"mba hanampiana azy ireo hisambotra an'i Jesosy"

**lavitry ny vahoaka**

"rehefa tsy nisy vahoaka nanodidina Azy"

**Luke 22:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy maniraka an'i Petera sy Jaona mba hanomana ny sakafon'ny Paska. Ny andininy faha 7 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fizotry ny tantara.

**andron'ny mofo tsy misy masirasira**

"andron'ny mofo tsy misy lalivay." Ity no andro hihinanan'ireo Jiosy ny mofo rehetra vita amin'ny lalivay ivelan'ny tranon'izy ireo. Avy eo dia hankalaza ny Firavoravoana ny mofo tsy misy Masirasira mandritry ny fito anadro izy ireo

**izay tsy maintsy hanaovana sorona ny zanak'ondrin'ny Paska**

Ny fianakaviana tsirairay na vondron'olona dia hamono zanak'ondry ary hihinana izany miaraka, ka dia maro ny zanak'ondry novonoina. DH: "ny olona dia mila mamono zanak'ondry ho an'ny sakafon'ny Paska"

**homano**

Ity dia dika ankapobeny hilazana hoe "ataovy vonona." Jesosy tsy tena niteny an'i Petera sy Jaona hahandro ny sakafo rehetra.

**mba afahantsika mihinana izany**

Ao anatin'izany Petera sy Jaona. Petera sy Jaona dia isan'ny ao anatin'ny vondron'ireo mpianatra izay hihinana ny sakafon'ny Paska.

**tianao hanaovanay ny fanomanana**

Jesosy dia tsy ao anatin'ny vondrona manomana ny sakafo.

**hanaovanay ny fanomanana**

"hanomanana ny sakafo" na "hikarakarana ny sakafo"

**Luke 22:10****Namaly azy ireo Izy**

"Jesosy namaly an'i Petera sy Jaona"

**Henoy**

Jesosy nampiasa ity mba hilazana azy ireo hifantoka tsara sy hanao araka izay lazainy azy ireo.

**hisy lehilahy iray mitondra sisin-drano hifanena aminareo**

"ianareo dia hahita lehilahy iray mitondra sisin-drano"

**mitondra sisin-drano**

"mitondra tavoara misy rano." Mety nentiny teo an-tsorony ilay tavoara.

**Manaraha azy any amin'izay trano idirany**

"Manaraha azy, ary midira ao amin'ilay trano"

**Ny mpampianatra milaza aminao**

Ity dia manomboka teny mivantana izay ilazan'i Jesosy ireo mpianatra izay tokony lazain'izy ireo.

**Ny mpampianatra**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**Luke 22:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy manome toromarika an'i Petera sy Jaona.

**Izy hampiseho anareo**

"Ilay tompon-trano hampiseho anareo"

**Koa dia nandeha izy ireo**

"nandeha Petera sy Jaona"

**Luke 22:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no tranga manaraka ao amin'ny fizaran'ny tantara momban'ny Paska. Jesosy sy ireo mpianany mipetraka hihinana ny sakafon'ny Paska.

**Rehefa tonga ny fotoana**

"rehefa fotoana hihinanana ilay sakafo"

**nipetraka Izy**

"nipetraka Jesosy"

**mialohan'ny hijaliako**

Jesosy maneho ny fahafatesany. Ny teny hoe "mijaly" eto dia maneho ny zavatra mafy na fanaintainana hiainana.

**Fa lazaiko aminareo**

Jesosy mampiasa ity fehezanteny ity mba hanamafisana ny lanjan'izay ho lazainy manaraka.

**mandra-pahatanterak'izany**

Ireo dika azo atao: 1) mandra-pahatanteraky ny tanjon'ny Firavoravoan'ny Paska. DH: "Mandra-pahatanterak'Andriamanitra izany" na 2) "mandra-pankalazantsika ny faran'ny Firavoravoana ny Paska"

**Luke 22:17****nandray kapoaka**

"naka kapoakan-divay"

**rehefa nisaotra Izy**

"rehefa nisaotra an'Andriamanitra Izy"

**dia hoy niteny hoe**

"niteny tamin'ireo mpianatra Izy"

**zarao aminareo**

Mizara ny ao anatin'ilay kapoaka, fa tsy ilay kapoaka. DH: "zarao aminareo ilay divay ao anaty kapoaka" na "ny tsirairay aminareo misotroa amin'ny divay avy ao amin'ny kapoaka"

**Fa lazaiko aminareo**

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina mba hanamafisana ny lanjan'izay ho lazain'i Jesosy manaraka.

**vokatry ny voaloboka**

Ity dia maneho ny ranom-boaloboka izay nalaina avy amin'ireo voaloboka izay maniry. Ny divay dia vita avy amin'ny ranom-boaloboka nialon'andro.

**mandra-pahatongan'ny fanjakan'Andriamanitra**

"mandra-pametrak'Andriamanitra ny fanjakany" na "mandra-panapahan'Andriamanitra eo amin'ny fanjakany"

**Luke 22:19****mofo**

Ity mofo ity dia tsy misy lalivay ao anatin'ny, ka fisaka izany.

**notapahiny izany**

Mety notapatapahiny be dia be izany na mety nozarainy roa ary nomena ireo apostoly mba hizarana izany amin'izy ireo.

**Ity ny vatako**

Ireo dika azo heverina: 1) "ity nofo ity no vatako" sy 2) "ity mofo ity dia maneho ny vatako"

**izay omena anareo**

DH: "ny vatako, izay homeko anareo" na "ny vatako, izay ho ataoko sorona ho anareo"

**Ataovy izao**

"hano ity mofo ity"

**ho fahatsiarovana Ahy**

"mba hahatsiarovana Ahy"

**ny kapoaka**

Ny teny hoe "kapoaka" dia maneho ny divay ao anatin'ilay kapoaka. DH: "Ny divay ao amin'ity kapoaka ity" na "Ity kapoakan-divay ity"

**fanekena vaovao amin'ny ràko**

Ity fanekena ity dia hisy fiantraikany raha vantany vao halatsaka ny ràny. DH: "ny fanekena vaovao hankatoavin'izy ireo amin'ny alalan'ny ràko"

**ny ràko, izay narotsaka ho anareo**

Jesosy niresaka ny fahafatesany tamin'ny fanehoana ny ràny halatsaka. DH: "ny ràko, izay halatsaka amin'ny fahafatesana ho anareo"

**Luke 22:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**Fa ny Zanak'Olonà dia mandeha tokoa**

"Fa handeha tokoa ny Zanak'Olonà" na "Fa ho faty ny Zanak'Olonà"

**ny Zanak'Olonà**

Ny tenany ihany no ambaran'i Jesosy. DH: "Izaho, Zanak'Olonà"

**araka izay voatendry**

DH: "araka izay voatendrin'Andriamanitra" na "araka ny nomanin'Andriamanitra"

**Fa loza ho an'izany lehilahy izay hamadika Azy izany!**

DH: "Fa loza ho an'izany lehilahy izay mamadika ny Zanak'Olonà!"

**Luke 22:24**

**Dia nisy fifandirana nitranga teo amin'izy ireo**  
 "'Avy eo ireo apostoly nanomboka niady hevitra teo amin'izy ireo"

**heverina ho lehibe indrindra amin'izy ireo**  
 DH: "izay eritreretin'ny olona ho manan-danja indrindra"

**Niteny tamin'izy ireo Izy hoe**  
 "Jesosy niteny tamin'ireo apostoly"

**tompon'izy ireo**  
 "manjaka mafy amin'ireo Jentilisa" na "tia mampihatra fahefana amin'izy ireo"

**Luke 22:26**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Jesosy manohy mampianatra ireo apostoliny.

**Tsy toy izany mihintsy ny aminareo**  
 "tsy tokony hanao tahaka izany ianareo"

**ny kely indrindra**  
 Ny olona lehibe dia najaina tamin'izany kolontsaina izany. Ireo mpitarika dia olon-dehibe foana ary natsoina hoe "loholona." Ny kely indrindra no tsy manan-danja indrindra. DH: "izay tsy manan-danja indrindra"

**tahaka izay manompo**  
 "mpanompo"

**Fa**  
 Ity dia mampifandray ny baikon'Andriamanitra tao amin'ny 26 amin'ny andininy 27 iray manontolo. Izany dia midika fa ny lehibe indrindra dia tokony hanompo satria Jesosy dia mpanompo.

**Fa iza no lehibe kokoa ... manompo?**  
 Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanombohana ny fanazavana amin'ireo apostoly izay tena lehibe marina. DH: "Tiako hieritreritra izay lehibe kokoa ianareo ... manompo."

**izay mipetraka amin'ny latabatra**  
 "izay misakafo"

**Tsy izay mipetraka eo amin'ny latabatra ve?**  
 Jesosy mampiasa fanontaniana hafa mba hampianarana ireo mpianatra. DH: "'Mazava be fa izay mipetraka amin'ny latabatra dia manan-danja koka noho ilay mpanompo!"

**Kanefa Izaho eto aminareo toy ny iray izay manompo**  
 "Fa manompo anareo Aho." Eto ny teny hoe "kanefa" satria misy fifanoherana eo amin'izay antenain'ny olona hoe iza Jesosy sy ny tena maha Izy Azy.

**Luke 22:28**

**izay nanohy niaraka tamiko tao amin'ny fakam-panahy nianjady tamiko**  
 "nijanona niaraka tamiko nandritr'ireo toloko"

**Omeko fanjakana ianareo, tahaka ny Raiko koa izay nanome fanjakana ho Ahy**  
 DH: "Tahaka ny nanomezan'ny Raiko fanjakana ho Ahy, dia omeko anareo izany"

**Omeko fanjakana ianareo**  
 "Hataoko mpanapaka ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra ianareo" na "Omeko fahefana hanapaka oa amin'ny fanjakana ianareo" na "ho ataoko mpanjaka ianareo"

**tahaka ny Raiko koa izay nanome fanjakana ho Ahy**  
 "tahaka ny nanomezan'ny Raiko Ahy fahefana hanapaka toy ny mpanjaka ao amin'ny fanjakany"

**hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana ianareo**  
 Ireo mpanjaka dia mipetraka amin'ny seza fiandrinana. Ny fipetrahana amin'ny seza fiandrianana dia mariky ny fanapahana. DH: "hiasa toy ireo mpanjaka ianareo" na "hanao ny asan'ireo mpanjaka ianareo"

**Luke 22:31**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Jesosy miresaka mivantana amin'i Simona.

**Simona, Simona**  
 Jesosy niteny ny anarany indroa mba hampisehoana fa izay ho lazainy aminy dia tena zava-dehibe.

**hahazo anareo Satana, mba afahany manivana anareo**  
 Ity dia maneho ireo apostoly rehetra.

**manivana anareo toy ny vary**  
 Ity dia midika fa Satana dia te-hitsapa ireo mpianatra mba hahita zavatra diso. DH: "hitsapa anareo toy ny olona manivana voa amin'ny sivana"

**Fa nivavaka ho anao Aho**  
 Ny teny hoe "anao" eto dia maneho manokana an'i Simona.

**mba tsy ho faty ny finoanao**  
 DH: "mba hanam-pinona foana ianao" na "mba hatoky Ahy foana ianao"

**Aorian'ny hiverenanao indray**  
 "Aorian'ny hanombohanao manaraka Ahy indray" na "aorian'ny hanombohanao manompo Ahy indray"

**ampaherezo ireo rahalahinao**  
 "ampaherezo ireo rahalahinao mba hatanjaka amin'ny finoan'izy ireo" na "ampio ireo rahalahinao hino Ahy"



**ireo rahalahinao**

Ity dia maneho ireo mpianatra hafa. DH: "ireo mpino namanao" na "ireo mpianatra hafa"

**Luke 22:33**

**tsy haneno ny akoho amin'ity andro ity, mialohan'ny handavanao Ahy intelo hoe mahafantatra Ahy ianao**  
Afaka avadika ny filaharany: "handà Ahy intelo ianao hoe mahafantatra Ahy mialohan'ny hanenon'ny akoho amin'ity andro ity."

**tsy haneno ny akoho amin'izay andro izay, mialohan'ny handavanao**  
DH: "ny akoho dia tsy haneno raha tsy rehefa avy mandà Ahy intelo ianao"

**tsy haneno ny akoho**

Eto ny fanenon'ny akoho dia maneho fotoana iray amin'ny andro. Ny akoho dia maneno mialohan'ny hiposahan'ny masoandro amin'ny maraina foana. Noho izany, ity dia maneho ny vao mangiran-dratsy.

**izay andro izay**

Ny andron'ny Jiosy dia manomboka amin'ny fodian'ny masoandro. Jesosy miresaka ny aorian'ny fodian'ny masoandro. Ny akoho dia haneno mialohan'ny maraina. Ny maraina dia mbola ao anatin'ilay hoe "ity andro ity." DH: "amin'ity alina ity" na "amin'ny maraina"

**Luke 22:35****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy mamadika ny fifantohany miverina any amin'ny firesahana amin'ireo mpianany.

**Rehefa ... nisy zavatra tsy ampuy anareo ve?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hanampiana ireo apostoly hampatsiahivana ireo apostoly ny hatsaran'ny nataon'ny olona ho azy ireo raha nandeha tamin'ny diany izy ireo. DH: "Tadidio fa ... dia nanana ny zavatra rehetra nilainareo ianareo"

**Rehefa nandefa anareo Aho**

Jesosy niresaka tamin'ireo apostoliny.

**fitoeram-bola**

Ny fitoeram-bola dia harona kely fitazomam-bola. Eto izany dia nampiasaina mba hanehoana "vola."

**kitapom-batsy**

"kitapon-tsakafo"

**Tsy nisy**

Mety hanampy ny mpihaino ny fanampiana misimisy kokoa momban'ilay resaka. DH: "tsy ory na inona na inona izahay" na "nahazo izay rehetra nilainay izahay"

**Izay tsy manana sabatra dia tokony hivarotra ny lambany ary hividny iray**

Jesosy dia tsy naneho olona iray manokana izay tsy nanana sabatra. DH: "raha misy tsy manana sabatra, dia tokony hivarotra ny ankanjony izy"

**Luke 22:37****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny firesahan'i Jesosy amin'ireo mpianany.

**izay voasoratra momba Ahy**

DH: "izay nosoratan'ny mpaminany momba Ahy tao amin'ny Soratra Masina"

**tsy maintsy tanteraka**

Ireo apostoly dia nahazo fa Andriamanitra no hampatanteraka ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ny Soratra Masina. DH: "Andriamanitra no hanatanteraka"

**Izy dia noraisina toy ny iray amin'ireo tsy manara-dalàna**

Eto Jesosy dia mamerina milaza ny Soratara Masina. DH: "ny olona dia nandray Azy ho iray amin'ireo tsy manara-dalàna."

**tsy manara-dalàna**

"ireo izay mandika lalàna" na "ireo jiolahy"

**Fa izay nolazaina mialoha momba Ahy dia efa ho tanteraka**

Ireo dika azo heverina: 1) "Fa izay efa nolazain'ny mpaminany mialoha momba Ahy dia efa hitranga" na 2) "Fa ny fiainako dia efa hifarana"

**niteny izy ireo hoe**

Ity dia maneho farafaha-keliny roa amin'ireo apostolin'i Jesosy.

**Ampy izay**

Ireo dika azo heverina: 1) "Ampy ireo sabatra" na 2) "ampy ny firesahana momba izany." Tamin'i Jesosy niteny hoe tokony hividny sabatra izy ireo, dia tena niteny azy ireo momban'ny loza ho atrehan'izy rehetra Izy. Mety tsy tena ny hividianan'izy ireo sabatra sy hiady no tiany ambara.

**Luke 22:39****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Jesosy nankany amin'ny Tendrombohitra Oliva mba hivavaka.

**Taorian'ny sakafo**

Ity dia maneho ny fahatanterahan'ny sakafon'ny Paska.

**mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy**

"mba tsy ho halaim-panahy ianareo" na "mba tsy hisy na inona na inona haka fanahy anareo ary hampanota anareo"

**Luke 22:41****teo amin'ny indray mitora-bato**

"teo amin'ny halavirana izay afaka hitorahan'ny olona vato." DH: "halavirana fohy" na eo amin'ny fandrefesana vinavinaina ho "eo amin'ny telo metatra eo"

**Ray o. raha sitrakao**

Jesosy dia hitondra ny fanamelohana ny otan'ny olona rehetra eo amin'ny hazofijaliana. Mivavaka amin'ny Rainy Izy mangataka raha misy fomba hafa.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra

**esory Amiko ity kapoaka ity**

Jesosy maneho ny fijaliana izay ho zakainy toy ny hoe ao anaty kapoaka izany ary andalam-pisotroana izany Izy. DH: "alaviro Ahy ity kapoaka mangidy ity" na "alaviro Amiko ity fijaliana ity" na "'havoty amin'ny fijaliana tahaka izao Aho"

**Na izany aza tsy ny sitrako, fa ny Anao no atao**

DH: "Na izany aza, ataovy izay araky ny sitraponao fa tsy ny araky ny sitrapoko"

**Luke 22:43****niseho tamin'ny**

"niseho tamin'i Jesosy"

**Tao anatin'ny fangirifiriana, nivavaka Izy**

"nijaly mafy Izy, ary noho izany dia nivavaka Izy"

**nivavaka tamin-kafanam-po**

"nivavaka mafy kokoa Izy"

**ny hatsembohany dia lasa toy ny rà nitete tamin'ny tany**

"ny hatsembohany dia niraraka tamin'ny tany toy ny rà mandriaka be."

**Luke 22:45****rehefa nitsangana avy nivavaka Izy**

"Rehefa nitsangana avy nivavaka Jesosy" na "'rehefa avy nivavaka, dia nitsangana Jesosy ary"

**nahita azy ireo natory nohon'ny alahelon'izy ireo**

"nahita azy ireo natory nohon'ny harerahana tamin'ny alahelon'izy ireo"

**Nahoana no matory ianareo?**

Ireo dika azo heverina: 1) "gaga Aho hoe matory ianareo izao" na 2) "tsy tokony hatory ianareo izao"

**mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy**

"mba tsy halaim-panahy ianareo" na "mba tsy hisy na inona na inona haka fanahy anareo ary hampanota anareo"

**Luke 22:47****indro, nisy vahoaka niseho**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny vondrona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba fanaovana izany. DH: "nisy vahoaka nipoitra"

**nitarika azy ireo**

Jodasy nampiseho ny olona izay nisy an'i Jesosy. Tsy niteny ny vahoaka izay tokony ho atao Izy. DH: "nitarika azy ireo teny amin'i Jesosy"

**hanoroka Azy**

"mba hiarahaba Azy amin'ny oroka" na "mba hiarahaba Azy amin'ny fanorohana Azy." Ny lehilahy rehefa miarahaba lehilahy hafa izay fianakaviana na namana, dia manoroka azy ireo eo amin'ny takolaka ilany na izy roa. Raha hafahafa aminao mpamaky ny miteny hoe lehilahy iray manoroka lehilahy hafa, dia afaka adikanao amin'ny fomba ankapobeny izany hoe: "'manolotra fiarahabana ara-pinamanana"

**mamadika ny Zanak'Olona amin'ny oroka ve ianao?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy an'i Jodasy nohon'ny famadihana Azy tamin'ny oroka. Raha ny tena izy dia mariky ny fitiavana ny oroka. DH: "oroka no entinao hamadihana ny Zanak'Olona!"

**ny Zanak'Olona**

Jesosy mampiasa ity teny ity mba hanehoana ny tenany. DH: "Izaho, Zanak'Olona"

**Luke 22:49****ireo izay nanodidina an'i Jesosy**

Ity dia maneho ireo mpiantr'i Jesosy.

**ny zava-nitranga**

Ity dia maneho ireo mpisorona sy miaramila tonga hisambotra an'i Jesosy.

**hemely amin'ny sabatra**

"hiady amin'izy ireo miaraka amin'ny sabatra"

**iray tamin'izy ireo**

"iray tamin'ireo mpianatra"

**namely ny mpanompon'ny mpisoronabe**

"namely ny mpanompon'ny mpisoronabe tamin'ny sabatra"

**Ampy izay**

Ity fomba fiteny ity dia midika hoe: "aza manao toy izany intsony!"

**nokasihiny ny sofiny**

"nikasika ny sofina ilay mpanompo izay voatapaka ny sofina"

**Luke 22:52**

**Tonga toy ny hisambotra mpangalatra ve ianareo, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy?**

"Tonga miaraka amin'ny sabatra sy langilangy ve ianareo satria heverinareo fa mpangalatra Aho?"  
Jesosy mampiasa fanontaniana mba hibedesana ireo Jiosy mpitarika. DH: "'Fantatrareo fa tsy mpangalatra Aho, nefa tonga aty amaiko miaraka amin'ny sabatra sy langilangy ianareo"

**Tamin'Izaho niaraka taminareo isan'andro**  
"teo aminareo Aho isan'andro"

**tao an-tempoly**  
Ireo mpisorona ihany no miditra ao an-tempoly. DH: "teo an-kianjan'ny tempoly"

**tsy nisambotra Ahy ianareo**  
Ity fomba fiteny ity dia maneho ny olona mampihatra fahefana amin'ireo mpianatra.

**oranareo**  
"fotoanaeo" na "ora hietsehanareo"

**sy ny fahefan'ny aizina**  
DH: "sy ny fotoanan'ny fahefan'ny haizina"

**fahefan'ny haizina**  
Ity dia maneho ny mpanapaka ratsy, Satana. DH: "ny fotoanan'ny mpanapaky ny haizina" na "fotoana hietsehan'ny Satana"

**Luke 22:54**

**nitarihan'izy ireo Izy**  
"nitarika an'i Jesosy avy ao amin'ny zaridaina izay nisamboran'izy ireo Azy"

**tany an-tranon'ny mpisoronabe**  
"tany amin'ny kianjan'ny tranon'ny mpisoronabe"

**nampirehitra afo izy ireo**  
"nisy olona sasany nampirehitra afo." Ity afao ity dia natao hanafana ny olona mandritry ny alina mangatsiatsika. DH: "nampirehitra afo ny olona sasany mba hahazoana hafanana"

**teo afovoan'ny tokontany**  
Ity ilay kianja tao an-tranon'ny mpisoronabe. Nisy rindrina manodidina izany, fa tsy nisy tafo.

**teo afovoan'izy ireo**  
"niaraka tamin'izy ireo"

**Luke 22:56**

**nijery mahitsy azy sy niteny hoe**  
"nijery mahitsy an'i Petera ary niteny tamin'ny olona teo an-tokontany"

**Ity lehilahy ity koa niaraka taminy**  
Ilay vehivavy niteny ny olona ny momban'i fiarahan'i Petera tamin'i Jesosy. Mety tsy fantany ny anaran'i Petera.

**Fa Petera nandà izany**  
"Fa Petera nilaza fa tsy marina izany"

**Ry vehivavy, tsy fantatro Izy**  
Tsy fantatr'i Petera ny anaran'ilay vehivavy. Tsy naniratsira azy izy tamin'ny fiantsoana azy hoe "ry vehivavy." Raha mihevitra ny olona hoe naniratsira azy izy, dia afaka mampiasa fomba ara-kolontsina iray azo ekena ho an'ny lehilahy miresaka amin'ny vehivavy izay tsy fantany ianao.

**Ianao koa iray amin'izy ireo**  
"ianaos koa dia isan'ireo mpianatr'i Jesosy"

**Ry lehilahy, tsy izy aho**  
Tsy fantatr'i Petera ny anaran'ilay lehilahy. Tsy naniratsira azy izy tamin'ny fiantsoana azy hoe "ry lehilahy." Raha mihevitra ny olona hoe naniratsira azy izy, dia afaka mampiasa fomba ara-kolontsina iray azo ekena ho an'ny lehilahy miresaka amin'ny lehilahy izay tsy fantany ianao.

**Luke 22:59**

**nanizingizina sy niteny hoe**  
"niteny mafy"

**Marina fa niaraka taminy ity lehilahy ity**  
Eto ny "lehilahy" dia maneho an'i Petera. Mety tsy fantatr'ilay niteny ny arana'i Petera.

**izy dia Galiliana**  
Mety niteny ilay lehilahy hoe Galiliana Petera nohon'ny fomba firesany.

**Ry lehilahy**  
Tsy fantatr'i Petera ny anaran'ilay lehilahy. Tsy naniratsira azy izy tamin'ny fiantsoana azy hoe "ry lehilahy." Raha mihevitra ny olona hoe naniratsira azy izy, dia afaka mampiasa fomba ara-kolontsina iray azo ekena ho an'ny lehilahy miresaka amin'ny lehilahy izay tsy fantany ianao. Jereo ny fomba nandikao izany tao amin'ny 22:56.

**tsy fantatro izay teneniniao**  
"tsy fantatro izay resahanao." Ity fomba fiteny ity dia midika fa tsy miombon-kevitra tanteraka amin'ilay lehilahy Petera. DH: "tsy marina izay lazainao" na "diso tanteraka ny lazainao"

**raha mbola niteny izy**  
"raha mbola niteny Petera"

**dia nisy akoho naneno**  
Ny akoho lahy dia maneno mialohan'ny fiposahan'ny masoandro amin'ny maraina foana.

**Luke 22:61****Niherika, ny Tompo nijery an'i Petera**

"Ny Tompo niherika ary nijery an'i Petera"

**ny tenin'ny Tompo**

Ny tenin'ny Tompo eto dia maneho ny zavatra rehetra izay nolazainy. DH: "ny tenin'i Jesosy" na "izay nolazain'i Jesosy"

**alohan'ny hanenoin'ny akoho**

Ny akoho lahy dia maneno mialohan'ny fiposahan'ny masoandro amin'ny maraina foana.

**anio**

Ny andron'ny Jiosy dia manomboka amin'ny fodian'ny masoandro ary mitohy amin'ny hariva manaraka. Jesosy niresaka tamin'ny hariva mialoha momban'izay hitranga fohifohy mialohan'ny mangiran-dratsy. DH: "anio alina"

**handà Ahy intelo**

"handà intelo hoe mahafantatra Ahy ianao"

**Nivoaka tany ivelany**

"Nivoaky ny kianja"

**Luke 22:63****Nasian'izy ireo sarena Izy**

"Nasian'izy ireo sarena ny masony mba tsy afahany mahita"

**Maminania! Iza ilay olona izay mikapoka Anao?**

Ireo mpiambina tsy nino fa Jesosy dia mpaminany. Fa kosa nino izy ireo fa ny mpaminany tena izy dia hafantatra izay mikapoka azy na dia tsy mahita aza. Nantsoin'izy ireo hoe mpaminany Jesosy, fa tian'izy ireo aseho hoe tsy mpaminany Izy. DH: "Porofoy fa mpaminany ianao. Teneno anay izay mikapoka anao!" na "Ry mpaminany, iza no mpikapoka anao?"

**Maminania!**

"Mitenena teny avy amin'Andriamanitra!" Ny tiana lazaina dia hoe Andriamanitra hiteny an'i Jesosy izay mikapoka Azy satria Jesosy notapenana ny masony ary tsy afaka mahita.

**Luke 22:66****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no andro manaraka ary Jesosy nentina manoloana ny Synedriona.

**Raha vao nazava ny andro**

"Ny ampitso vao mangiran-dratsy"

**Nentin'izy ireo tany amin'ny Synedriona Izy**

Ireo dika azo heverina: 1) "Ireo loholona nitondra an'i Jesosy teo amin'ny Synedriona" na 2) "ireo mpiambina nitondra an'i Jesosy teo amin'ny Synedrionan'ny loholona."

**ary niteny hoe**

Ity dia afaka atao fehezanteny vaovao. DH: "Ireo loholona niteny tamin'i Jesosy"

**teneno aminay**

"lazao anay fa Ianao no Kristy"

**Raha ho teneniko aminareo ... raha hanontany anareo Aho**

Jesosy milaza fa tsy naninona na niresaka Izy na nangataka azy ireo hiresaka, tsy hamaly tsara izy ireo. Ireo fehezanteny roa ireo dia samy mampiseho ny toe-tsain'i Jesosy fa ny Synedriona dia tsy tena te-hitady ny marina.

**Raha ho teneniko aminareo, dia tsy hino ianareo**

Ity dia fomba iray ho an'i Jesosy hilazana fa meloka tamin'ny fitenenan-dratsy Izy. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba hanondroana fa mbola tsy nitranga ilay hetsika.

**raha hanontany anareo Aho, dia tsy hamaly ianareo**

Ity dia fomba iray ho an'i Jesosy hitenenana mafy azy ireo ary tsy manome azy ireo antony hanamelohana Azy. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba hanondroana fa mbola tsy nitranga ilay hetsika.

**Luke 22:69****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ny Synedriona.

**manomboka izao**

"manomboka amin'ity andro ity" na "manomboka androany"

**ny Zanak'Olona**

Jesosy nampiasa ity fehezanteny ity mba hanehoana ny tenany. Ity fiantsoana ity koa dia maneho an'i Kristy, fa ireo loholona dia mila manontany hanamarinana fa milaza ny tenany ho Kristy Izy.

**hipetraka eo an-kavan'ny herin'Andriamanitra**

Ireo Jiosy dia nahazo fa Andriamanitra irery no afaka mipetraka eo. Noraisin'izy ireo mitovy amin'ny miteny hoe: "hiaraka amin'Andriamanitra ho Andriamanitra" ity.

**ny herin'Andriamanitra**

Eto ny "hery" dia maneho ny fahefany faratampony.

**Dia zanak'Andriamanitra iany Ianao?**

Ny Synedriona nanontany ity satria tian'izy ireo hanazava Jesosy mba hanamafisana ny fahazoan'izy ireo fa milaza ho Zanak' Andriamanitra Izy. DH: "Noho izany raha nilaza izany Ianao, ny tianao tenenina ve dia hoe Zanak' Andriamanitra Ianao?"

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**voalazanareo fa Izaho no Izy**

"Eny, araka izay voalazanareo izany"

**Nahoana no mbola mila vavolombelona isika?**

Nampiasa fanontaniana izy ireo mba hanamafisana.

DH: "tsy mila vavolombelona intsony isika!"

---

**naheno avy tamin'ny vavany**

Ny hoe "avy tamin'ny vavany" dia maneho izay nolazainy. DH: "naheno Azy niteny fa Izy no Zanak'Andriamanitra"

## Chapter 23

<sup>1</sup> Nitsangana ny olona rehetra tamin'izy ireo, ary nitondra an'i Jesosy teo anoloan'i Pilato. <sup>2</sup> Nanomboka niampanga Azy izy ireo, niteny hoe: "Hitana ity lehilahy ity nametaveta ny firenenay, nandrara ny hanomezana ny hetra ho an'i Kaisara, ary nilaza fa Izy tenany mihitsy no Kristy, mpanjaka." <sup>3</sup> Pilato nanontany Azy, niteny hoe: "Ianao ve no mpanjakan'ny Jiosy?" Jesosy namaly azy ary niteny hoe: "Voalazanao." <sup>4</sup> Pilato niteny tamin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo vahoaka hoe: "Tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity aho." <sup>5</sup> Fa mbola nanizingizina izy ireo, niteny hoe: "Manakorontana ny vahoaka io, mampianatra eran'ny Jodia manontolo, manomboka avy any Galilia na hatrety amin'ity toerana ity aza." <sup>6</sup> Koa rehefa ren'i Pilato izany, dia nanontany izy raha toa ka Galiliana ilay lehilahy. <sup>7</sup> Rehefa hitany fa tao ambany fahefan'i Heroda Izy, dia nalefany Jesosy nankany amin'i Heroda, izay tany Jerosalema ihany koa tamin'izany andro izany. <sup>8</sup> Rehefa hitan'i Heroda Jesosy, dia tena ravoravo izy, satria efa te-hahita Azy hatry ny ela. Nahare ny momba Azy izy ary nanantena ny hahita fahagagana maro nataony. <sup>9</sup> Heroda nametra-panotaniana an'i Jesosy tamin'ny teny maro, saingy Jesosy tsy namaly na inona na inona azy. <sup>10</sup> Ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna nitsangana, niampanga mafy Azy. <sup>11</sup> Heroda sy ireo miaramilany nanevateva an'i Jesosy sady nanesoeso Azy. Avy eo dia nampianjo Azy lamba tsara tarehy izy ireo ary nalefan'izy ireo niverina tany amin'i Pilato Izy. <sup>12</sup> Fa i Heroda sy Pilato dia lasa mpinamana tamin'ny androtr'io (talohan'izany dia mpifahavalo izy ireo). <sup>13</sup> Avy eo Pilato niantso ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka ary ireo vahoaka maro niaraka, <sup>14</sup> ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Nentinareo teto amiko ity lehilahy ity tahaka ny lehilahy izay mitarika ny olona hanao ratsy, ary jereo, izaho, raha nametra-panotaniana taminy teo anoloanareo, dia tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity mahakasika ireo zavatra izay hampanganareo Azy. <sup>15</sup> Tsia, na dia Heroda aza, satria nalefany niverina taty amintsika Izy, ary jereo, tsy misy na inona na inona izay mendrika fahafatesana vitany. <sup>16</sup> Noho izany dia ho faiziko Izy, ary ho havotsotro Izy." <sup>17</sup><sup>18</sup> Fa niara-nihiaka mafy izy ireo, nanao hoe: "Ento any io lehilahy io, ary avotsory ho anay Barabasy!" <sup>19</sup> Barabasy dia lehilahy iray izay naiditra am-ponja nohon'ny fikomiana maro tao an-tanàna sy famonoana olona. <sup>20</sup> Ary niteny tamin'izy ireo indray Pilato, naniry ny hamotsotra an'i Jesosy. <sup>21</sup> Saingy nitabataba mafy izy ireo, niteny hoe: "Homboy Izy, homboy Izy." <sup>22</sup> Niteny tamin'izy ireo fanintelony izy hoe: "Nahoana, fa inona no ratsy vitan'ity lehilahy ity? Tsy nahita na inona na inona izay mendrika sazy famonoana tao aminy aho. Noho izany rehefa avy manafay Azy, dia hamotsotra Azy aho." <sup>23</sup> Fa izy ireo nanizingizina tamin'ny feo avo, nangataka Azy mba homboana. Ny feon'izy ireo dia nandresy lahatra an'i Pilato. <sup>24</sup> Ka dia nanapa-kevitra ny hanaiky ny fangatahan'izy ireo Pilato. <sup>25</sup> Navotsony ilay iray nangatahin'izy ireo izay nalefa tany am-ponja nohon'ny fikomiana sy famonoana olona. Fa natolony ho amin'ny sitrapon'izy ireo Jesosy. <sup>26</sup> Ary teo am-pitondrana Azy izy ireo, dia nitàna an'i Simona avy any Syrenia, izay avy any ambanivohitra, ary napetrak'izy ireo teo aminy ny hazofijaliana mba ho entiny, nanaraka an'i Jesosy. <sup>27</sup> Maro tamin'ireo vahoaka, sy ireo vehivavy izay nalahelo mafy sy nisaona Azy, no nanaraka Azy. <sup>28</sup> Fa rehefa nitodika tany amin'izy ireo, dia niteny Jesosy hoe: "Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomany Ahy, fa mitomania ho an'ny tenanareo sy ho an'ireo zanakareo. <sup>29</sup> Fa indro, ho avy ny andro izay hitenenan'izy ireo hoe: 'Sambatra ireo momba sy ireo kibo izay tsy niteraka, ary ny nono izay tsy nampinono zaza.' <sup>30</sup> Ary dia hanomboka hiteny amin'ireo tendrombohitra izy ireo hoe: 'Mianjerà aminay,' ary amin'ny havoana hoe: 'Manaròna anay.' <sup>31</sup> Fa raha manao izany zavatra izany izy ireo raha mbola maitso ny hazo, inona no hitranga rehefa maina izany?" <sup>32</sup> Nisy lehilahy hafa, olon-dratsy anankiroa, nentina niaraka taminy mba ho vonoina. <sup>33</sup> Rehefa tonga teo amin'ny toerana iray izay antsoina hoe "IKarandoha" izy ireo, dia teo no nanomboan'izy ireo Azy, sy ireo olon-dratsy - ny iray teo amin'ny ankavanany ary ny iray teo amin'ny ankaviany. <sup>34</sup> Jesosy niteny hoe: "Ray o, mamela azy ireo, fa tsy fantatr'izy ireo izay ataony." Avy eo dia niloka izy ireo, nizarazara ireo fitafiany. <sup>35</sup> Dia nijoro nijery teo ireo olona raha mbola nananilahany Azy koa ireo mpanapaka, niteny hoe: "Namony ireo hafa Izy. Avelao Izy hamonjy ny tenany, raha Izy no Kristin'Andriamanitra, ilay iray voafidy." <sup>36</sup> Ireo miaramila ihany koa dia nanala baraka Azy, nanatona Azy, nanome Azy vinaingitra, <sup>37</sup> ary niteny hoe: "Raha ianao no mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny tenanao." <sup>38</sup> Nisy famantarana ihany koa teo amboniny hoe: "Ity no mpanjakan'i Jiosy." <sup>39</sup> Ny iray tamin'ireo olon-dratsy izay nihantona teo no nangingavinga Azy tamin'ny nitenenany hoe: "Tsy ianao ve no Kristy? Vonjeo ny tenanao sy izahay." <sup>40</sup> Fa ny anankiray niteny mafy azy, nanao hoe: "Tsy mba matahotra an'Andriamanitra ve ianao, raha samy ambanin'ny fanamelohana mitovy ihany?" <sup>41</sup> Isika dia eto ara-drarin'ny tokoa, satria mandray izay mendrika ny asantsika isika. Fa ity lehilahy ity tsy nanao zavatra ratsy." <sup>42</sup> Avy eo izy niteny hoe: "Jesosy ô, tsarovy aho rehefa tonga any amin'ny fanjakan'io ianao." <sup>43</sup> Jesosy niteny taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio ianao

dia hiaraka amiko any paradisa." <sup>44</sup> Ary ora faha-enina teo ho eo tamin'izany, ary ny aizina avy nandrakotra ny tany manontolo hatramin'ny ora fahasivy <sup>45</sup> raha niha maizina ny hazavan'ny masoandro. Avy eo ny lamban'ny tempoly dia nizara avy teo afovoany. <sup>46</sup> Nihiaka tamin'ny feo mafy, Jesosy niteny hoe: "Ray ô, eo an-tananao no ametrahako ny fanahiko." Rehefa avy niteny izany, dia maty Izy. <sup>47</sup> Rehefa hitan'ilay kapiteny ny zavatra nitranga, dia nanome voninahitra an'Andriamanitra izy, niteny hoe: "Azo antoka tokoa fa olo-marina ity lehilahy ity." <sup>48</sup> Rehefa hitan'ireo vahoaka rehetra izay niara-tonga ho vavolombelona nanatri-maso ireo zavatra nitranga ireo, dia niverina niteha-tratra izy ireo. <sup>49</sup> Fa ireo rehetra izay nahafantatra Azy, sy ireo vehivavy izay nanaraka Azy avy any Galilia, dia nitsangana teny alavidavitra, nijery izany zavatra izany. <sup>50</sup> Ary indro, nisy lehilahy iray antsoina hoe Josefa, izay mpikambana tao amin'ny Synedriona. Olona tsara sady marina izy. <sup>51</sup> Io lehilahy io dia tsy nanaiky ny fanapahan-kevitra ny Synedriona sy ny asan'izy ireo. Avy any amin'ny tanànan'ny Jodiana tany Armatia izy; ary izy dia nikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>52</sup> Io lehilahy io, raha nanatona an'i Pilato, dia nangataka ny vatan'i Jesosy. <sup>53</sup> Nalainy nidina izany, norakofany hariry madinika, ary napetrany tao anaty fasana iray izay novakiana tamin'ny vatolampy, izay tsy mbola nisy olona nalevina mihintsy. <sup>54</sup> Andron'ny Fiomanana tamin'izany, ary mbola nazava ratsy ny Sabata. <sup>55</sup> Ireo vehivavy, izay niaraka tamin'i Jesosy niala tao Galilia, dia nanaraka avy ao aoriana ary nahita ny fasana sy ny fomba nametrahana ny fatiny. <sup>56</sup> Niverina izy ireo, ary nanomana zava-manitra sy menaka manitra. Ary tamin'ny sabata dia nitsahatra izy ireo araka ny didy.

---

## Footnotes

---

23:17 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny And 17 hoe: Ary Pilato dia voatery namotsotra gadra iray ho an'ireo Jiosy tamin'ny andro firavoravoana.

---

## Luke 23:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Jesosy nentina manoloana an'i Pilato.

**ny olona rehetra tamin'izy ireo**  
"ireo mpitarika Jiosy rehetra" na "ireo mpikambana ao amin'ny Synedriona rehetra"

**teo anoloan'i Pilato**  
Ny miseho eo anoloan'ny olona dia midika hoe miditra amin'ny fahefan'izy ireo. DH: "mba ho tsarain'i Pilato"

**Hitanay**  
Ity dia maneho ireo mpikambana ao amin'ny Synedriona ihany.

**nametaveta ny firenenay**  
"nahatonga ny olonay hanao zavatra tsy marina" na "nahatonga korontana tamin'ny filazana lainga tamin'ny olonay"

**nandrara ny hanomezana ny hetra**  
"nilaza azy ireo tsy handoa hetra"

**ho an'i Kaisara**  
Kaisara dia maneho ny Amperoran'i Roma. DH: "amin'ny Amperora"

## Luke 23:3

**Pilato nanontany Azy**  
"Pilato nanontany an'i Jesosy"

**Voalazanao**  
Ity dia fomba fiteny izay midika fa marina ilay fnambarana. DH: "Marina ny lazainao" na "araka izay nanontaniana Ahy izany"

**Tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity aho**  
"Tsy hitako meloka na amin'ny inona na inona ity lehilahy ity"

**Manakorontana**  
"miteraka korontana eo amin'ny"

**manomboka avy any Galilia na hatrety amin'ity toerana ity aza**  
Afaka atao ho fehezanten'ny vaovao ity. DH: ""Nanomboka nanakorontana tao Galilia Izy ary izao manakorontana ety"

## Luke 23:6

**ren'i pilato izany**  
"nandre fa nanomboka nampianatra tany Galilia Jesosy"

**ilay lehilahy**  
Ity dia maneho an'i Jesosy.

**hitany**

"hitan'i Pilato"

**ambany fahefan'i Heroda Izy**

Ity andalana ity dia tsy miteny ny zava-misy tiana lazaina hoe Heroda no mpanapakan'i Galilia. DH: "Jesosy dia ambany fahefan'i Heroda satria manapaka manerana ny Galilia Heroda."

**nalefany Jesosy**

"Pilato nandefa an'i Jesosy"

**tamin'izany andro izany**

"tamin'izany fotoana izany"

**Luke 23:8****tena ravoravo izy**

"tena ravoravo Heroda"

**efa te-hahita Azy izy**

"Heroda efa te-hahita an'i Jesosy"

**Nahare ny momba Azy izy**

"Heroda nahare ny momban'i Jesosy"

**nanantena**

"nanantena Heroda"

**ny hahita fahagagana maro nataony**

DH: "hahita Azy hanao karazana fahagagana sasantsasany"

**Heroda nametra-panontaniana an'i Jesosy tamin'ny teny maro**

"Heroda nametraka fanontaniana maro tamin'i Jesosy"

**tsy namaly na inona na inona azy**

"tsy namaly" na "tsy nanome valin-teny an'i Heroda"

**nitsangana**

"nijoro teo"

**niampanga mafy Azy**

"niampanga mafy an'i Jesosy" na "niampanga Azy tamin'ny karazan-keloka maro"

**Luke 23:11****nampiankanjo Azy lamba tsara tarehy**

Ny fandikan-teny dia tokony tsy hilaza fa natao hanomezam-boninahitra na hikarakarana an'i Jesosy ity. Nataon'izy ireo hanesoana an'i Jesosy sy hihomehezana Azy ity.

**Heroda sy Pilato dia lasa mpinamana tamin'ny androtr'io**

Ny fanazavana tiana hambarana dia hoe lasa mpinamana izy ireo satria nankasitrahana'i Heroda ny famelan'i Pilato azy mba hitsara an'i Jesosy. DH: "Heroda sy Pilato dia lasa mpinamana tamin'io

andro io satria nalefan'i Pilato tany amin'i Heroda mba ho tsarina Jesosy"

**talohan'izany dia mpifahavalo izy ireo**

Ity fanazavana ity dia natao anaty fononteny mba hampisehoana fa fampahafantarana fototra izany.

**Luke 23:13****niantso ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka ary ireo vahoaka maro niaraka**

"niantso ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka ary ny vahoaka mba hivory miaraka"

**ny vahoaka**

Tsy tena hoe niantso ny vahoaka ho tonga Pilato. Mety mbola teo ny vahoaka niandry hijery izay hitranga amin'i Jesosy." DH: "ny vahoaka izay mbola teo"

**ity lehilahy ity**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**tahaka ny lehilahy izay**

"milaza fa Izy dia"

**Izaho, raha nametra-panontaniana taminy teo anoloanareo**

"Nametra-panontaniana an'i Jesosy teo anatrehanareo aho, ary." Ity dia milaza fa izy ireo dia vavolombelona tamin'ireo dingana. DH: "Nanontany an'i Jesosy teto niaraka taminareo toy ny vavolombelona aho, ary"

**tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity**

"tsy mieritreritra hoe meloka Izy"

**Luke 23:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Pilato manohy miresaka amin'ireo mpitarika Jiosy sy amin'ny vahoaka.

**Tsia, na dia Heroda aza**

Mety hanampy ny fanampiana fanazavana izay tsy tafiditra ao amin'ilay fanambarana fohy. DH: "Na dia Heroda aza tsy mieritreritra hoe meloka Izy" na "na Heroda aza mieritreritra hoe tsy meloka Izy"

**nalefany niverina taty amintsika Izy**

"Nalefany niverina taty amintsika Jesosy." Ity dia maneho an'i Pilato, ireo miaramilany, ireo mpisorona ary ireo mpisoronabe, sy ny rehetra izay nihaino an'i Pilato.

**tsy misy na inona na inona mendrika fahafatesana vitany**

DH: "tsy nanao na inona na inona mendrika ny didim-pitsarana manameloka ho faty Izy"

**Noho izany dia ho faiziko Izy**

Satria Pilato tsy nahita fahadisoana tamin'i Jesosy dia tokony ho nafahany tsy misy sazy Izy. Pilato nanasazy an'i Jesosy, izay fantany fa tsy meloka, nohon'ny tahotrany amin'ny vahoka fotsiny.



**Luke 23:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha 19 dia manome fampahafantarana fototra antsika momban'i Barabasy.

**niara-nihiaka mafy izy ireo**

"nihikiaka ny olona rehetra tao amin'ny vahoaka"

**Ento any io lehilahy io**

Mangataka an'i Jesosy ho vonoina izy ireo. DH: "Ento any io lehilahy io ary vonoy!"

**avotsory ho anay**

Ny "anay" dia maneho ny vahoaka fotsiny, fa tsy Pilato sy ireo miaramilany.

**Barabasy dia lehilahy ... famonoana olona**

Ity dia fampahafantarana fototra omen'i Lioka momban'i Barabasy.

**izay naiditra am-ponja**

DH: "izay nogadrain'ireo Romana tao am-ponja"

**fikomina maro tao an-tanàna**

"niezaka nandresy lahatra ny olona tao an-tanàna mba hikomy manohitra ny fanjakana Romana"

**Luke 23:20****niteny tamin'izy ireo indray**

"niresaka tamin'izy ireo indray" na "niresaka tamin'ny olona tao amin'ny vahoaka sy tamin'ireo mpanapaka fivavahana indray"

**naniry ny hamotsotra an'i Jesosy**

"satria te-hanafaka an'i Jesosy izy"

**Niteny tamin'izy ireo fanintelony izy hoe**

"Pilato niteny tamin'ny vahoaka indray, fanintelony"

**inona no ratsy vitan'ity lehilahy ity?**

Pilato mampiasa ity fanontaniana ity mba hampazaona ny olona fa tsy meloka Jesosy. DH: "ity lehilahy ity dia tsy nanao na inona na inona tsy nety!"

**Tsy nahita na inona na inona izay mendrika sazy famonoana tao aminy aho**

"Tsy nanao na inona na inona izay mendrika ny hahafaty Azy Izy"

**rehefa avy manafay Azy, dia hamotsotra Azy aho**

Tahaka ny 23:15, Pilato dia tokony namotsotra an'i Jesosy tsy nanasazy Azy satria tsy meloka Izy. Na izany aza, nomeny ho saziana Jesosy mba hampitoniana ny vahoaka.

**hamotsotra Azy aho**

"Hafahako Izy"

**Luke 23:23****izy ireo nanizingizina**

"nanizingizina ny vahoaka"

**tamin'ny feo avy**

"tamin'ny hiakiaka"

**mba homboana**

DH: "an'i Pilato mba hanomboan'ireo miaramilany an'i Jesosy"

**Ny feon'izy ireo dia nandresy lahatra an'i Pilato**

"ary nanohy nihiakiaka foana ny vahoaka mandraparesy lahatr'izy ireo an'i pilato"

**nanaiky ny fangatahan'izy ireo**

"hanao izay nangatahin'ny vahoaka"

**Navotsony ilay iray nangatahin'izy ireo**

Ity dia midika hoe navotsitr'i Pilato avy tao am-pigadrana Barabasy. DH: "Pilato nanafaka an'i Barabasy izay nangatahin'ny vahoaka ho avotsotra"

**izay nalefa tany am-ponja ... famonoana olona**

Ity dia fampahafantarana fototra momban'i Barabasy tamin'izany fotoana izany. DH: "izay nogadrain'ireo Romana ... famonoana olona"

**natolony ho amin'ny sitrapon'izy ireo Jesosy**

"Pilato nibaiko ireo miaramila mba hanao amin'i Jesosy izay angatahin'ny vahoaka ho ataon'izy ireo" na "Pilato namela ny vahoaka hanao amin'i Jesosy izay tian'izy ireo atao"

**Luke 23:26****Ary teo amp-pitondrana Azy izy ireo**

"raha nitondra an'i Jesosy lavitry ny nisy an'i Pilato ireo miaramila"

**nitàna an'i Simona avy any Syrenia**

Ireo miaramila Romana nanana ny fahefana hanery ny olona hitondra ny entan'izy ireo. Aza adika amin'ny fomba izay manondro fa voasambotra Simona na nanao zavatra tsy nety ity.

**avy any ambanivohitra**

"izay tao Jerosalema avy any ambanivohitra"

**napetrak'izy ireo teo aminy ny hazofijaliana**

"nametraka ny hazofijaliana teo an-tsorony"

**nanaraka an'i Jesosy**

"ary nanaraka an'i Jesosy avy ao aoriana izy"

**Luke 23:27****Maro tamin'ireo vahoaka, sy ireo vehivavy**

Ireo vehivavy dia isan'ireo vahoaka, fa tsy vahoaka hafa.

**nisaona Azy**  
"nisaona an'i Jesosy"

**nanaraka Azy**  
Ity akory tsy midika hoe mpianatr'i Jesosy izy ireo. Midika fotsiny izany fa nanaraka Azy avy ao aoriany izy ireo.

**rehefa nitodika tany amin'izy ireo**  
Ity dia manondro fa nitodika mba hijery ireo vehivavy Jesosy ary hiresaka mivantana amin'izy ireo.

**Ry zanaka vavin'i Jerosalema**  
Ny "zanaka vavin'" ny tanàna dia midika hoe vehivavin'ny tanàna. Tsy tsy mahalala fomba izany. Izany np fomba tena izy hiresahana amin'ny vondrom-behivavy avy amin'ny toerana iray. DH: "Ianareo vehivavy izay avy any Jerosalema"

**aza mitomany Ahy**  
"Aza mitomany amin'ny zavatra iainako." Jesosy tsy niteny hoe tokony hijanona amin'ny fitomaniana Azy izy ireo. Mampiasa fanoharana Izy mba hilazana fa manana antony bebe kokoa hitomaniana ny zavatra iainan'izy ireo manokana aza izy ireo. DH: "mitomany ho Ahy ianareo, fa mbola zavatra ratsy kokoa aza no hitranga aminareo, noho izany"

**fa mitomania ho an'ny tenanareo sy ho an'ireo zanakareo**  
"fa kosa mitomania momban'izay hitranga aminareo sy ireo zanakareo"

## Luke 23:29

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Tapitra ny firesahan'i Jesosy amin'ny vahoaka.

**Fa indro**  
Ity dia mampiditra ny antony mahatonga ireo vehivavin'i Jerosalema tokony hitomany ho an'ny tenan'izy ireo.

**ho avy ny andro**  
"hisy fotoana tsy ho ela"

**izay hitenenan'izy ireo hoe**  
"hitenenan'ny olona"

**ireo momba**  
"vehivavy tsy niteraka"

**ireo kibo izay tsy niteraka ... ny nono izay tsy nampinono zaza**  
Ireo fehezanteny ireo dia nampiasaina mba hamaritana feno kokoa ny hoe "momba." Ireo vehivavy ireo dia tsy mbola niteraka mihintsy na nampinono zazakely. Mety hanampy ny fanatambarana ireo miaraka amin'ny "momba" DH: "ireo vehivavy izay tsy mbola niteraka mihintsy na nampinono zaza"

**amin'ireo tendrombohitra**  
DH: "Hiteny amin'ireo tendrombohitra izy ireo hoe"

**Fa raha manao izany zavatra izany izy ireo raha mbola maitso aza ny hazo, inona no hitranga rehefa maina izany?**  
Jesosy mampiasa fanontaniana mba hanampiana ny vahoaka hahazo fa ny olona dia manao zavatra ratsy amin'izao fotoan-tsara izao, ka azo antoka fa hanao zavatra ratsy kokoa izy ireo amin'ny fotoan-dratsy amin'ny ho avy. DH: "Hitanao fa manao ireny zavatra ratsy ireny izy ireo raha mbola maitso ny hazo, koa afaka mahazo antoka ianao fa hanao zavatra ratsy kokoa izy ireo rehefa maina ny hazo"

**maitso ny hazo**  
Ny hazo maitso dia fanoharana ho an'ny zavatra tsara. Raha manana fanoharana mitovitovy ny fiteninana, dia tokony hampiasainao eto izany.

**maina izany**  
Ny hazo maina dia fanoharana ho an'ny zavatra ratsy izay ilaina an-dorana fotsiny.

**izy ireo**  
Ity dia afaka maneho na ireo Romana na ireo mpitarika Jiosy.

## Luke 23:32

**Nisy lehilahy hafa, olon-dratsy anankiroa, nentina niaraka taminy mba ho vonoina**  
DH: "Ireo miaramila nitondra olon-dratsy anankiroa mba ho elohina ho faty koa"

**Nisy lehilahy hafa, olon-dratsy anankiroa**  
"Lehilahy roa hafa izay olon-dratsy" na "olon-dratsy roa." Lioka tsy niteny hoe "olon-dratsy roa hafa" satria Jesosy dia tsy meloka, na dia noentina tahaka ny jiolahy aza Izy. Lioka niantso ireo lehilahy roa hafa hoe jiolahy, fa tsy Jesosy.

## Luke 23:33

**Rehefa tonga izy ireo**  
Ny "izy ireo" dia maneho ireo miaramila, ireo jiolahy, ary Jesosy.

**nanomboan'izy ireo Azy**  
"nombohon'ireo Romana Jesosy"

**ny iray teo amin'ny ankavanany ary ny iray teo amin'ny ankaviany**  
"nombohon'izy ireo teo an-kavanan'i Jesosy ilay jiolahy iray ary ilay jiolahy iray hafa teo an-kavian'i Jesosy"

**Ray o, mamela azy ireo**  
Ny "azy ireo" dia maneho ireo nanombo an'i Jesosy tamin'ny hazofijaliana.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**fa tsy fantatr'izy ireo izay ataony**

"satria tsy azon'izy ireo izay ataon'izy ireo." Ireo miaramila Romana tsy nahazo fa ny Zanak'Andriamanitra no ombohan'izy ireo amin'ny hazofijalina. DH: "satria tsy tena fantatr'izy ireo hoe iza marina no ombohan'izy ireo"

**nizarazara ireo fitafiany**

"mba hanapa-kevitra hoe iza amin'ireo miaramila no haka ny tsirairay amin'ireo tapan'akanjon'i Jesosy"

**Luke 23:35****nijoro**

"nitsanga teo"

**Azy**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**Namonjy ireo hafa Izy. Avelao Izy hamonjy ny tenany**

Lioka nandrakitra an-tsoratra ny teny maneson'ireo mpanapaka. Ny fomba iray afahan'i Jesosy manavotra ireo hafa dia amin'ny fahafatesana ihany fa tsy amin'ny fanavotana ny tenany.

**Avelao Izy hamonjy ny tenany**

"Jesosy dia tokony afaka mamonjy ny tenany." Niteny izany mba hanesoana an'i Jesosy izy ireo. DH: "Te-hahita Azy manaporofy ny maha-Izy Azy izahay amin'ny fanavotana ny tenany avy eny amin'ny hazofijaliana"

**ilay iray voafidy**

"ilay iray izay nofidian'Andriamanitra"

**Luke 23:36****Azy**

Jesosy

**nanatona Azy**

"nanatona akaiky an'i Jesosy"

**nanome Azy vinaigitra**

"nanolotra vinaigitra an'i Jesosy ho sotroina." Ny vinaigitra dia zava-pisotro mora vidy izay fisotron'ny olona. Ireo miaramila dia naneso Azy tamin'ny fanomezana zava-pisotro mora vidy ho an'ny olona izay milaza ny tenany fa mpanjaka.

**Raha Ianao no mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny tenanao**

Ity ihany koa dia fomba iray nanesoan'ireo miaramila an'i Jesosy. DH: "Tsy mino izahay hoe Ianao no mpanjakan'ireo Jiosy, fa raha Ianao, dia porofy fa diso izahay ary vonjeo ny tenanao!"

**famantarana teo amboniny**

"hazo teo amin'ny tampon'ny hazofijalian'i Jesosy izay nilaza hoe"

**Ity no mpanjakan'i Jiosy**

Ny olona izay mametraka ity famantarana ity eo ambonin'i Jesosy dia maneso Azy. Tsy tena nieritreritra izy ireo hoe mapnjaka Izy.

**Luke 23:39****namingavinga Azy**

"naniratsira an'i Jesosy"

**Tsy Ianao ve no Kristy?**

Ilay jiolahy mametraka fanontaniana aminy mba hanesoana Azy. DH: "Milaza ny tenano ho Kristy Ianao"

**Vonjeo ny tenanao sy izahay**

Ity jiolahy ity dia tsy tena nieritreritra hoe afaka manavotra azy ireo avy eny amin'ny hazofijaliana Jesosy.

**ny anankiray niteny mafy azy**

"ilay jiolahy anankiray hafa niteny mafy azy"

**Tsy mba matahotra an' Andriamanitra ve ianao, raha samy ambanin'ny fanamelohana mitovy ihany?**

Ilay jiolahy mampiasa fanontaniana mba hibesedana ilay jiolahy iray hafa. DH: "Tsy manan-tahotra an'Andriamanitra ianao, satria maneso an'i Jesosy raha miantona eo amin'ny hazofijaliana tahaka Azy ianao"

**Isika dia eto ara-drariny tokoa, satria mandray izay mendrika ny asantsika isika**

Ity dia maneho ireo jiolahy fotsiny, fa tsy Jesosy na ireo olona hafa.

**Isika dia eto ara-drariny tokoa**

"Mendrika izao sazy izao marina isika"

**ity lehilahy ity**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**Luke 23:42****Avy eo dia hoy izy hoe**

"hoy koa ilay jiolahy hoe"

**tsarovy aho**

"eritrereto ny momba ahy ary raiso tsara aho"

**tonga any amin'ny fanjakanao**

Ny "tonga" any amin'ny fanjakana dia midika hoe manomboka manapaka. DH: "manomboka manapaka toy ny mpanjaka"

**Lazaiko marina aminao**

Ny "marina" dia manamafy izay lazain'i Jesosy. DH: "Tiako ho fantatrao fa"

**paradisa**

Ity no toerana andehanan'ny olo-marina rehefa maty izy ireo. Nanome toky ilay lehilahy Jesosy fa hiaraka amin'Andriamanitra izy ary hanaiky azy Andriamanitra. DH: "ilay toeram-pifaliana" na "'toeran'ny marina" na "toerana izay hiainan'ny olona tsara"

**Luke 23:44**

**ny haizina avy nandrakotra ny tany manontolo**  
"lasa maizina ny tany rehetra"

**hatramin'ny ora fahasivy**  
"hatramin'ny 3 ariva."

**raha niha-maizina ny hazavan'ny masoandro**

Ity dia tsy maneho ny filentehan'ny masoandro. Fa kosa, niha-maizina ny hazavan'ny masoandro nandritry ny misasak'andro. Mampiasaha teny mamaritra hoe niha-maizina ny masoandro fa tsy hoa nilentika ny masoandro.

**lamban'ny tempoly**

"ny lamba tao anatin'ny tempoly." Ity dia lamba izay manasaraka ny toerana masina indrindra amin'ny toerana sisan'ny tempoly.

**ny lamban'ny tempoly dia nizara avy teo afovoany**

"ny lamban'ny tempoly dia norovitina avy eny ambony ka hatrany ambony hizara roa." DH: "Norovitin'Andriamanitra ho roa ny lamban'ny tempoly avy eny ambony ka hatreny ambony"

**Luke 23:46****Nihiaka tamin'ny feo mafy**

Mety hanampy ny fanehoana ny hifandraisan'ity amin'ny hetsika tao amin'ny andininy teo aloha. DH: "Rehefa nitranga izany, dia nihiaka mafy Jesosy"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**eo an-tananao no ametraha ny fanahiko**

Ny hoe "eo an-tananao" dia maneho ny fikarakaran'Andriamanitra. DH: "ankiniko eo amin'ny fikarakaranao ny fanahiko" na "omeko Anao ny fanahiko, amin'ny fahalalana fa hikarakara izany Ianao"

**Rehefa avy niteny izany**

"Rehefa avy niteny izany Jesosy"

**dia maty Izy**

"maty Jesosy"

**kapiteny**

Ity dia fiantsoana ho an'ny manam-boninahitra Romana izay niandraikitra ireo miaramila Romana. Nanara-maso ny fanomboana izy.

**olo-marina ity lehilahy ity**

DH: "tsy nanao na inona na inona diso ity lehilahy ity"

**Luke 23:48****izay niara-tonga**

"izay niara-niangona"

**vavolombelona nanatri-maso**

"nahita ity tranga ity" na "nanara-maso izay nitranga"

**niverina**

"niverina tany amin'ny tranon'izy ireo"

**niteha-tratra**

Ity dia mariky ny alahelo na nenina. DH: "nitehana ny tratan'izy ireo mba hampisehoana fa malahelo izy ireo"

**nanaraka Azy**

"niara-dia tamin'i Jesosy"

**teny alavidavitra**

"elanelana maromaro lavitra an'i Jesosy"

**izany zavatra izany**

"izay nitranga"

**Luke 23:50****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Josefa mangataka ny vatan'i Jesosy amin'i Pilato. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra antsika ny momban'i Josefa.

**Indro, nisy lehilahy iray**

Ny teny hoe "indro" dia manaitra antsika amin'ny mpandraya anjara vaovao ao amin'ny tantara. Ny fitenin'ao dia mety manana fomba fanaovana izany. DH: "Nisy lehilahy iray izay"

**ny Synedriona**

"Synedriona Jiosy"

**olona tsara sady marina**

Afaka atao fehezantany vaovao ity. DH: "Izy dia lehilahy tsara sady marina"

**ny fanapahan-kevitra ny Synedriona sy ny asan'izy ireo**

Afaka lazaina mazava tsara hoe inona ilay fanapahan-kevitra. DH: "ny fanapahan-kevitrin'ny Synedriona hamono an'i Jesosy sy ny asan'izy ireo"

**tanànan'i Jodiana tany Armatia**

"ilay tanàna antsoina hoe Armatia, izay any Jodia"

**Luke 23:52**

**Io lehilahy io**  
"Josefa"

**nanatona an'i Pilato**  
"nankany amin'i Pilato ary nangataka"

**ny vatan'i Jesosy**  
"mba haka ny vatan'i Jesosy ary handevina izany"

**Nalainy nidina izany**  
"Nalain'i Josefa avy teo amin'ny hazofijaliana ny vatan'i Jesosy"

**norakofany hariry madinika**  
"nandrakotra ilay vatana tamin'ny hariry madinika." Izany no fomba fandevenana tamin'izany fotoana izany.

**izay tsy mbola nisy olona nalevina mihintsy**  
DH: "tsy mbola nisy olona nametraka nofo mangatsika mihintsy tao amin'izany fasana izany teo aloha"

**Luke 23:54**

**Andron'ny Fiomanana**  
"andro hivoanona'ny olona ho amin'ny andro fitsaharan'ny Jiosy antsoina hoe Sabata"

**nazava ratsy ny Sabata**  
Ny nazava ratsy eto dia fanoharana ho an'ny fiantombohan'ny andro. Ho an'ireo Jiosy, ny andro dia manomboka amin'ny fodian'ny masoandro. DH: "efa akaiky hody masoandro izany, ny fanombohana ny Sabata"

**izay niaraka tamin'i Jesosy niala tao Galilia**  
"izay niara-dia tamin'i Jesosy avy any amin'ny faritr'i Galilia"

**nanaraka avy ao aoriana**  
"nandeha tao aorian'i Josefa sy ireo lehilahy izay niaraka taminy"

**nahita ny fasana**  
"nahita ny fasana ilay vehivavy"

**ny fomba nametrahana ny fatiny**  
DH: "hitan'ilay vehivavy ny fomba nametrahan'ireo lehilahy ny vatan'i Jesosy tao am-pasana"

**Niverina izy ireo**  
"Lasa nankany amin'ny trano izay ipetrahan'ny vehivavy ilay vehivavy"

**nanomana zava-manitra sy menaka manitra**  
Ireo dia nampiasaina ho amin'ny dingan'ny fandevenana tamin'izany fotoana izany. DH: "nanomana zava-manitra sy menaka manitra mba hanomanana ny vatan'i Jesosy ho amin'ny fandevenana"

**nitsahatra izy ireo**  
"tsy niasa ireo vehivavy"

**araka ny didy**  
"araka ny lalàn'ny Jiosy" na "araka ny angatahin'ny lalàn'ny Jiosy." Tsy nahazo alalana hanomana ny vatany amin'ny Sabata izy ireo araka ny lalàn'ny Jiosy.



## Chapter 24

<sup>1</sup> Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nankany amin'ny fasana izy ireo, nitondra ireo zava-manitra izay nokarakarain'izy ireo. <sup>2</sup> Hitan'izy ireo nikodia lavitry ny fasana ilay vato. <sup>3</sup> Niditra tao izy ireo, kanefa tsy nahita ny vatan'ny Tompo Jesosy. <sup>4</sup> Ary, raha mbola sahiran-tsaina momba izany izy ireo, tampoka teo, dia nisy lehilahy roa nanao fitafiana mamirapiratra nitsangana teo anilan'ireo. <sup>5</sup> Ary rehefa feno tahotra ireo vehivavy dia niankohoka tamin'ny tany, niteny tamin'ireo vehivavy izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitady ny velona aty amin'ny maty?" <sup>6</sup> Tsy ato izy, fa efa natsangana! Tadidio ny nilazàn'ny anareo fony Izy mbola tany Galilia, <sup>7</sup> nanambara fa ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hatolotra ho eo an-tanan'ny olona mpanota ka hofantsihana eo amin'ny hazo fijaliana, ary amin'ny andro fahatelo dia hitsangana indray." <sup>8</sup> Ireo vehivavy dia nahatsiaro ireo teniny, <sup>9</sup> ka niverina avy tany amin'ny fasana ary nilaza izany zavatra rehetra izany tamin'ireo iraika ambin'ny folo sy ny ambiny rehetra. <sup>10</sup> Ary Mary Magdalena, Johana, Mary renin'i Jakoba, ary ireo vehivavy hafa niaraka tamin'ny dia nitatitra izany zavatra izany tamin'ireo apostoly. <sup>11</sup> Fa izany hafatra izany dia toy ny tsy nisy dikany tamin'ireo apostoly, ka tsy nino ireo vehivavy izy ireo. <sup>12</sup> Kanefa nitsangana Petrea, dia nihazakazaka nankeny amin'ny fasana, ary niondrika sy nijery tao, dia nahita ireo lambam-paty nitokana. Ary Petera nody tany an-tranony, nanontany tena ny amin'izay zava-nitranga. <sup>13</sup> Indreo, ny roa tamin'izy ireo nandeha tamin'io andro io ho any amin'ny tanàna atao hoe Emaosy, izay enimpolo stadio miala an'ny Jerosalema. <sup>14</sup> Izy ireo dia nifampiresaka momba ireo zavatra rehetra izay nitranga. <sup>15</sup> Ary, raha niara-niresaka sy niara-nametrapanontanianana izy ireo, dia nanatona sy nandeha niaraka tamin'izy ireo Jesosy. <sup>16</sup> Fa ny mason'izy ireo dia nosakanana mba tsy hahafantatra Azy. <sup>17</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona no resahanareo roa ety am-pandehanana?" Dia nijanona izy ireo sady nalahelo endrika. <sup>18</sup> Ny iray tamin'izy ireo, nantsoina hoe Kleopasy, namaly Azy hoe: "Ianao irery ve no olana tao Jerosalema tsy nahafantatra ireo zava-nitranga tany tamin'izany andro izany?" <sup>19</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Zavatra inona?" Izy ireo namaly Azy hoe: "Ireo zavatra mikasika an'i Jesosy ilay Nazarena, izay mpaminany, nahery tamin'ny asa sy ny teny teo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona rehetra, <sup>20</sup> ary ny fomba nanoloran'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapakay Azy mba ho melohana ho faty sy ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana. <sup>21</sup> Kanefa izahay nanantena fa Izy no ilay hanafaka an'Israely. Eny, ary ankoatra izany rehetra izany, telo andro androany izao no nitrangan'izany zavatra rehetra izany. <sup>22</sup> Nefa koa, ny vehivavy sasany tamin'ny namanay dia nahavariana anay, izay tany amin'ny fasana vao maraina. <sup>23</sup> Rehefa tsy nahita ny vatany izy ireo, dia tany, niteny fa izy ireo koa dia nahita fahitana anjely izay nilaza fa velona Izy. <sup>24</sup> Ny lehilahy sasany izay niaraka taminay dia nandeha tany amin'ny fasana, ary nahita izany araka izay voalazan'ireo vehivavy. Saingy tsy nahita Azy izy ireo." <sup>25</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ry lehilahy adala sy votsa saina vao mino ireo rehetra voalazan'ny mpaminany! <sup>26</sup> Moa ve tsy nilaina ho an'i Kristy ny nijaly tamin'ireny zavatra ireny, ka hiditra any amin'ny voninahiny?" <sup>27</sup> Ary nanomboka tamin'i Mosesy ka hatramin'ireo mpaminany rehetra, dia nadikan'i Jesosy tamin'izy ireo ao amin'ny Soratra Masina ny momba ny Tenany. <sup>28</sup> Nony nanakaiky ilay tanàna izay nalehany izy ireo, dia naneho fihetsika toy ny hoe handeha lavidavitra Jesosy. <sup>29</sup> Fa nanery Azy izy ireo, niteny hoe: "Mijanona eto aminay, fa efa ho hariva izao ary efa hifarana ny andro." Ka niditra mba hijanona niaraka tamin'izy ireo Jesosy. <sup>30</sup> Ary, rehefa nipetraka mba hiaraka hihinana tamin'izy ireo Izy, dia naka ny mofo, nisaotra izany, sy namaky izany, ary nanome izany azy ireo. <sup>31</sup> Avy eo nisokatra ny mason'izy ireo, ka nahafantatra Azy, ary nanjavona teo imason'izy ireo Izy. <sup>32</sup> Izy ireo nifampiteny hoe: "Moa ve ny fontsika tsy niredareda tao anatintsika, raha niteny tamintsika teny an-dalana Izy, raha nanokatra ny Soratra Masina tamintsika Izy?" <sup>33</sup> Nitsangana izy ireo tamin'io ora io, ka niverina tany Jerosalema. Nahita ireo iraika ambin'ny folo niara-nivory izy ireo, sy ireo izay niaraka tamin'izy ireo, <sup>34</sup> niteny hoe: "Ny Tompo dia nitsangana tokoa, ary niseho tamin'i Simona." <sup>35</sup> Koa nolazain'izy ireo izay zavatra nitranga teny an-dalana, sy ny fomba nisehoan'i Jesosy tamin'izy ireo tamin'ny fanapahana ilay mofo. <sup>36</sup> Raha niteny izany zavatra izany izy ireo, dia nijoro teo afovoan'izy ireo Jesosy tenany, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Fiadanana anie ho anareo." <sup>37</sup> Saingy taitra sy raiki-tahotra izy ireo, ary nihevitra fa nahita fanahy. <sup>38</sup> Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no matahotra? Nahoana no misy fanontaniana ao am-ponareo?" <sup>39</sup> Jereo ny tanako sy ny tongotro, fa Izaho tenako ity. Kasiho Aho ka jereo. Fa ny fanahy tsy manana nofo sy taolana, araka ny ahitanareo Ahy hoe manana." <sup>40</sup> Rehefa niteny izany Izy, dia nasehony tamin'izy ireo ny tanany sy ny tongony. <sup>41</sup> Mbola tsy nino izany izy ireo nohon'ny hafaliana, ary gaga izy ireo. Jesosy niteny azy ireo hoe: "Manana zavatra hohanina ve ianareo?" <sup>42</sup> Nomen'izy ireo trondro voatono izy, <sup>43</sup> ka nalainy izany ary nohaniny teo anoloan'izy ireo. <sup>44</sup> Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tamin'Izaho niaraka taminareo, dia nilaza taminareo fa izay rehetra voasoratra tao amin'ny lalàn'i Mosesy sy ireo mpaminany ary ireo Salamo dia tsy maintsy ho

tanteraka." <sup>45</sup> Ary nosokafany ny sain'izy ireo, mba hazoan'izy ireo ny Soratra Masina. <sup>46</sup> Niteny azy ireo Izy hoe: "Izao no voasoratra, fa ilay Kristy dia hijaly, ary hitsangana amin'ny maty indray amin'ny andro fahatelo. <sup>47</sup> Fibebahana sy famelan-keloka no tokony ho toriana amin'ny anarany any amin'ny firenena rehetra, manomboka ao Jerosalema. <sup>48</sup> Ianareo no vavolombelon'ireny zavatra ireny. <sup>49</sup> Indro, halefako aminareo izay nampanantenain'ny Raiko. Kanefa mitoera ao an-tanàna mandra-pitafianareo ny hery avy any ambony." <sup>50</sup> Ary Jesosy nitarika azy ireo mandra-pahatongan'izy ireo tany Betania. Nasandrany ny tanany, ary notahiany izy ireo. <sup>51</sup> Ary, rehefa nitso-drano azy ireo Izy, dia nandao azy ireo Izy ary lasa nakarina tany an-danitra. <sup>52</sup> Dia nidera Azy izy ireo, ary niverina tany Jerosalema tamin'ny fifaliana lehibe. <sup>53</sup> Nitohy nankao amin'ny tempoly izy ireo, nankalaza an' Andriamanitra.

## Luke 24:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Niverina tany amin'ny fasana ireo vehivavy niaraka tamin'ny zava-manitra haosotra ny vatan'i Jesosy.

**Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinanandro**  
"Mialohan'ny marainan'ny Alahdy"

**nankany amin'ny fasana izy ireo**  
"tonga tany amin'ny fasana ireo vehivavy."

**ny fasana**  
Ity fasana ity dia novakiana tamin'ny vatolampy.

**nitondra ireo zava-manitra**  
Zava-manitra mitovy amin'izay nomanin'izy ireo tao amin'ny 23:54 ihany izany.

**nikodia lavitry ny fasana ilay vato**  
DH: "nakodian'ny olona ilay vato"

**ilay vato**  
Ity dia vato lehibe, voatapaka, boribory ampy hanakana ny varavaram-pasana. Mila lehilahy maro ny manakodia izany.

**tsy nahita ny vatan'i Jesosy Tompo**  
DH: "tsy tao ny vatan'i Jesosy Tompo!"

## Luke 24:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Nisy anjely roa niseho ary nanomboka niresaka tamin'ireo vehivavy.

**Ary**  
Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana tranga lehibe ao amin'ny tantara. Raha manana fomba hanaovana izany ny fitenin'ao dia ampiasao eto.

**niankohoka tamin'ny tany**  
Ity dia maneho ny fanetre-tena sy faneken'izy ireo ireo lehilahy

**Nahoana ianareo no mitady ny velona aty amin'ny maty?**  
Mampiasa fanontaniana ireo lehilahy mba hitsikerana ireo vehivavy am-panetre-tena ny amin'ny fijerena olona velona ao am-pasana. DH:

"Ianareo dia mitady olona velona eo amin'ireo olona maty" na "tsy tokony hitady olona izay mbola velona aty amin'ny toerana izay handevenana olona maty ianareo!"

### Nahoana ianareo no mitady

Ny "ianareo" eto dia maneho ireo vehivavy izay nanatona.

## Luke 24:6

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Tapitra ny firesahan'ireo anjely tamin'ireo vehivavy.

### fa efa natsangana

"natao velona indray Izy!" DH: "satria Andriamanitra namelona Azy indray!"

### anareo

Ity dia maneho ireo vehivavy sy mety ireo mpianatra sasany koa fanampin'izany.

### ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hatolotra ho eo an-tanan'ny olona mpanota ka ho fantsihana

Ny teny hoe "tsy maintsy" dia midika fa zavatra izay tena hitranga ity satria Andriamanitra efa nanapa-kevitra fa hitranga izany. DH: "nilaina ny nanoloran'izy ireo ny Zanak'Olona eo an-tanan'ny olona mpanota mba afahan'izy ireo mamantsika Azy amin'ny hazofijaliana."

### eo an-tanan'ny

Eto ny "tanana" dia maneho ny hery na fifehezana.

## Luke 24:8

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ireo vehivavy dia nandeha nilaza ireo apostoly ny momban'izay hitan'izy ireo teny amin'ny fasana.

### nahatsiaro ireo teniny

Eto ny "teny" dia maneho ny fanambarana nataon'i Jesosy. DH: "nahatsiaro izay nolazain'i Jesosy"

### ireo iraka ambin'ny folo sy ny ambiny rehetra

"ny ambin'ireo mpianatra rehetra izay niaraka tamin'ireo apostoly."



**ireo iraika ambin'ny folo**

Ity no fiantsoan'i Lioka voalohany an'ireo iraika ambin'ny folo, satria Jodasy nandao ireo roa ambin'ny folo ary namadika an'i Jesosy.

**Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny tantara fototra. Eto Lioka dia manome ny anaran'ny sasany amin'ireo vehivavy izay tonga avy any am-pasana ary niteny ireo apostoly izay nitranga tany.

**Luke 24:11****Fa izany hafatra izany dia toy ny resaka tsy nisy dikany tamin'ireo apostoly**

"Fa ireo apostoly nieritreritra fa izay rehetra nolazain'ireo ny vehivavy dia resaka tsy misy dikany"

**Kanefa nitsangana Petera**

Ity fehezanteny ity dia mampifanohitra an'i Petera amin'ireo apostoly hafa. Izy dia tsy nieritreritra izay nolazain'ilay vehivavy, fa nihazakazaka nankany amin'ny fasana hijery mihintsy izy.

**niondrika**

Ny fasana nopotehina tamin'ny vatolampy dia tena iva kely. Nila niondrika Petera mba hahitana ny ao anatin'ny fasana.

**ireo lambam-paty nitokana**

"ireo lambam-paty fostiny." Ity dia maneho ny lamba izay nandrakofana ny vatan'i Jesosy tamin'Izy nalevina tao amin'ny 23:52. Ity dia milaza fa tsy tao ny vatan'i Jesosy. DH: "ilay hariry madinika izay namonosana ny vatan'i Jesosy, fa tsy tao Jesosy.

**Luke 24:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no fizarana manaraky ny tantara. Misy mpianatra roa eny an-dalana mankany Emaosy.

**Indreo**

Ity teny ity dia manamarika ny fiantombohan'ny fizarana manaraka amin'ny tantara.

**roa tamin'izy ireo**

"roa tamin'ireo mpianatra"

**tamin'io andro io**

Ity dia maneho ny andro nahitan'ireo vehivavy ny fasana tsy nisy na inona na inona.

**Emaosy**

Ity dia anarana tanàna.

**enimpolo stadio**

"iraika ambin'ny folo kilometatra." 185 metatra ny stadio iray.

**Luke 24:15****Ary**

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fiantombohan'ilay tranga. Izany dia manomboka amin'i Jesosy nanatona azy ireo. Raha manana fomba hilazana izany ny fiteniniao, dia eto ampiasaina.

**ny mason'izy ireo dia nosakanana mba tsy hahafantatra Azy**

Ny fahaizan'ireo lehilahy hahafantatra an'i Jesosy dia noresahina toy ny hoe fahaizan'ny mason'izy ireo hahafantatra Azy. DH: "nisy zavatra nisakana azy ireo ka tsy afaka nahafantatra Azy izy ireo"

**Luke 24:17****Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe**

"Jesosy niteny tamin'ireo roa lahy"

**Kleopasy**

Ity dia anarana lehilahy iray.

**Ianao irery ve no olona .. andro izany?**

Kleopasy mampiasa ity fanontaniana ity mba hampisehoana ny fahagagany fa ity lehilahy ity dia miseho tsy mahalala ny momba ireo zavatra izay nitranga tany Jerosalema. DH: "Ianao irery ihany ... andro izany"

**Luke 24:19****Zavatra inona**

"Inona no zavatra nitranga?"

**nahery tamin'ny asa sy ny teny teo anatrehan' Andriamanitra sy ny olona rehetra**

Ity dia midika fa Andriamanitra no antony nahatonga an'i Jesosy ho mahery ary ny olona dia nahita fa nahery Izy. DH: "ary Andriamanitra nanome hery Azy hanao sy hampianatra zavatra lehibe izay nahagaga ny olona rehetra"

**nanolorana Azy**

"nanolorana an'i Jesosy tamin'ny governora Romana"

**mba ho melohana ho faty sy ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana**

DH: "mba hanamelohann'ny governora Azy ho faty amin'ny fanomboana Azy eo amin'ny hazofijaliana"

**Luke 24:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo lehilahy roa dia manohy mamaly an'i Jesosy.

**no ilay hanafaka an'Israely**

Ireo Romana dia nanapaka ireo Jiosy. DH: "ilay hanafaka ireo Israelita amin'ireo Romana fahavalontsika"

**Eny, ary ankoatra izany rehetra izany**

Ity dia mampiditra antony hafa amin'ny finoan'izy ireo fa tsy hanafaka an'Israely Jesosy. DH: "Ankehitriny toa tsy azo heverina izany satria"

**nitrangan'izany zavatra rehetra izany**

"nitrangan'ireo tranga maro izay nitarika ny fahafatesan'i Jesosy"

**Luke 24:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny famalian'ireo lehilahy roa an'i Jesosy.

**Nefa koa**

Ity dia mampiditra antony hafa amin'ny tsy nahazoan'ireo lehilahy izay nitranga momban'i Jesosy.

**tamin'ny namanay**

"tao amin'ny vondronay"

**izay tany amin'ny fasana**

Ireo vehivavy ihany no tany amin'ny fasana.

**fahitana anjely**

"anjely tao amin'ny fahitana"

**tsy nahita Azy izy ireo**

"tsy nahita an'i Jesosy izy ireo"

**Luke 24:25****Jesosy niteny tamin'izy ireo**

Jesosy niresaka tamin'ireo mpianatra roa lahy.

**sy votsa saina vao mino**

Ny "saina" eto dia izay mahatonga ny olona iray hanapa-kevitra. DH: "ny sainareo dia ela vao mino" na "votsa amin'ny finoana ianareo"

**Moa ve tsy nilaina ... voninahiny?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampatsiahivana ireo mpianatra momban'izay nolazain'ireo mpaminany. DH: "Nilaina ny ... voninahiny"

**hiditra any amin'ny voninahiny**

Ity dia maneho an'i Jesosy manomboka manapaka sy mandray haja amam-boninahitra.

**nanomboka tamin'i Mosesy**

Mosesy no nanoratra ny boky voalohan'ny Baiboly. DH: "'nanomboka tamin'ny asa-soratr'i Mosesy"

**nadikan'i Jesosy tamin'izy ireo**

"nazavain'i Jesosy azy ireo"

**Luke 24:28**

**naneho fihetsika toy ny hoe handeha lavidavitra Jesosy**  
Ireo lehilahy anankiroa dia nahazo avy tamin'io fihetsika io fa handeha any an-toeran-kafa Izy.

**nanery Azy izy ireo**

"Namporisika mafy Azy izy ireo." Nandany fotoana sy ezaka maromaro izy ireo nandresen-dahatra Azy.

**fa efa ho hariva izao ary efa hifarana ny andro**

Ny andron'ny Jiosy dia mifarana amin'ny filentehan'ny masoandro.

**Niditra Jesosy**

"Niditra ilay trano Jesosy"

**mba hijanona niaraka tamin'izy ireo**

"hijanona miaraka amin'ire mpianatra roa"

**Luke 24:30****Ary**

Ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana tranga manan-danja ao amin'ny tanatra. Raha manana fomba hanehoana izany ny fitenin'ao, dia ampiasao eto.

**ny mofo**

Ity dia maneho ny mofo vita tsy misy lalivay. Tsy maneho ny sakafo amin'ny ankapobeny izany.

**nisaotra izany**

"nanome fisaorana amin'izany" na "nisaotra an' Andriamanitra noho izany"

**Avy eo nisokatra ny mason'izy ireo**

Ny "mason'izy ireo" dia maneho ny fahazoan'izy ireo. DH: "Avy eo azon'izy ireo" na "avy eo fantatr'izy ireo"

**nahafantatra Azy**

"fantatr'izy ireo Izy." Ireo mpianatra ireo dia nahafantatra Azy talohan'ny nafatesany.

**nanjavona teo imason'izy ireo Izy**

Ity dia midika fa tampoka teo dia tsy teo intsony Izy. Tsy midika izany hoe lasa tsy hita maso Izy.

**Moa ve ny fontsika tsy niredareda ... ny Soratra Masina tamintsika Izy**

Nampiasa fanontaniana izy ireo mba hanamafisana ny fahagagan'izy ireo tamin'ny fihaonana tamin'i Jesosy. DH: "Ny fontsika dia niredareda tao anatintsika ... ny Soratra Masina tamintsika Izy."

**Moa ve ny fontsika tsy niredareda tao anatintsika**

Ny hamafin'ny fihetsem-po nananan'izy ireo tamin'ny niresaka tamin'i Jesosy dia resahana toy ny hoe afo mirehitra ao anatiny izy ireo. DH: "Toa nanana fihetsem-po mafy tahaka izany isika raha niresaka tamintsika Izy"

**tao anatintsika**

Nifampiresaka ireo roa lahy.

**raha nanokatra ny Soratra Masina tamintsika Izy**

Jesosy tsy nanokatra boky na horonan-taratasy. Ny hoe "nanokatra" dia maneho ny fahazoan'izy ireo. DH: "raha nanazava ny Soratra Masina tamintsika Izy" na "raha nanafaka antsika hahazo ny Soratra Masina Izy"

**Luke 24:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo roa lahy nandeha tany Jerosalema tany amin'ireo mpianatra iraka ambin'ny folo mba hilaza azy ireo ny momban'i Jesosy.

**Nitsangana izy ireo**

Nitsangana ireo roa lahy.

**ireo iraka ambin'ny folo**

Ity dia maneho ireo apostolin'i Jesosy. Jodasy dia tsy ao anatin'izy ireo intsony.

**niteny hoe: "Ny Tompo dia nitsangana tokoa**

Ireo apostoly iraka ambin'ny folo sy ireo izay niaraka tamin'izy ireo dia niteny ity. DH: "izay nilaza ireo mpianatra iraka ambin'ny folo hoe: "Nitsangana tokoa ny Tompo"

**Koa nolazain'izy ireo**

"Koa nolazain'ireo roa lahy azy ireo"

**izay zavatra nitranga teny an-dalana**

Ity dia maneho ny fisehoan'i Jesosy tamin'izy ireo raha teny amin'ny lalany mankany amin'ny tanàn'i Emaosy izy ireo.

**ny fomba nisehoan'i Jesosy tamin'izy ireo**

DH: "ny fomba nahafantaran'izy ireo an'i Jesosy"

**tamin'ny fanapahana ilay mofo**

"rehefa nanapaka ilay mofo Jesosy"

**Luke 24:36****Fampahafantarana amin'ny anakpobeny**

Jesosy miseho amin'ireo mpianatra. Rehefa tonga mialoha tao amin'ilay trano nisy ireo iraka ambin'ny folo ireo roa lahy, dia tsy niaraka tamin'izy ireo Jesosy.

**Jesosy tenany**

Ny "tenany" dia mifantoka amin'i Jesosy sy ny tsy ampoizina amin'i Jesosy miseho amin'izy ireo. Ny ankamaroan'izy ireo dia tsy nahita Azy taorian'ny fitsanganany.

**teo afovoan'izy ireo**

"teo amin'izy ireo"

**Fiadanana anie ho anareo**

"Hanana fiadanana anie ianareo" na "Andriamanitra anie hanome fiadanana anareo!"

**Saingy raiki-tahotra izy ireo**

Ny "saingy" dia manondro fifanoherana lehibe. Jesosy niteny azy ireo hanana fiadanana, nefa izy ireo raiki-tahotra.

**nihevitra fa nahita fanahy**

"nieritreritra fa matotoa no hitan'izy ireo." Mbola tsy azon'izy ireo marina fa tena velona Jesosy.

**fanahy**

Eto izany dia maneho fanahan'olona efa maty.

**Luke 24:38****Nahoana ianareo no matahotra?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hampaherezana azy ireo. DH: "Aza matahotra"

**Nahoana no misy fanontaniana ao am-ponareo?**

Jesosy mampiasa fanontaniana mba hitenenana mafy azy ireo am-panetre-tena. Jesosy nilaza azy ireo mba tsy hisalasala fa velona Izy. Ny teny hoe "fo" dia maneho ny eritreritr'izy ireo. DH: "Aza misalasala ao an-tsainareo!" na "aoka izay ny fisalasalana!"

**Kasio Aho ka jereo ... Ahy hoe manana**

Jesosy manontany azy ireo mba hanamafy amin'ny fikasihana fa tsy matotoa Izy. Mety hanampy ny fanakambanana sy famadihana ireo fehezanteny roa. DH: "Kasio Aho ary tsapao fa manana nofo sy taolana izay ananan'ny matotoa"

**nofo sy taolana**

Ity dia fomba hanehoana ny vatana.

**ny tanany sy ny tongony**

Azo fa ny tanany sy ny tongony dia misy ny famantarana ireo fantsika tamin'ny nanomboana Azy izay manaprofo fa tena Jesosy tokoa io. DH: "ireo ratra teo amin'ny tanana sy tongony"

**Luke 24:41****Mbola tsy nino izany izy ireo nohon'ny hafaliana**

"feno hafaliana izy ireo, fa mbola tsy afaka nino fa tena marina izany"

**nohaniny teo anoloan'izy ireo**

Jesosy nanao izao hanaporifoana fa nanana vatana Izy. Ny fanahy dia tsy afaka mihinana sakafo.

**teo anoloan'izy ireo**

"teo anatrehan'izy ireo" na "'raha nijery izy ireo"

**Luke 24:44****Tamin'Izaho niaraka taminareo**

"Tamin'Izaho niaraka taminareo taloha"

**izay rehetra voasoratra tao amin'ny lalàn'i Mosesy sy ireo mpaminany ary ireo Salamo**  
 DH: "ireo rehetra izay nosoratan'i Mosesy, ireo mpaminany, ary ireo Salamo momba Ahy"

**ireo mpaminany**  
 "ireo asa-soratr'ireo mpaminany"

**tsy maintsy ho tanteraka**  
 DH: "Andriamanitra hanatanteraka" na "Andriamanitra hampitranga"

#### Luke 24:45

**Ary nosokafany ny sain'izy ireo, mba hazoan'izy ireo ny Soratra Masina**  
 Ny "manokatra saina" dia fomba fiteny izay midika hoe manafaka olona iray hatakatra. DH: "Avy eo nafahany hatakatra ny Soratra Masina izy ireo"

**Izao no voasoratra**  
 DH: "Izao no nosoratan'ny olona efa ela"

**Fibebahana sy famelan-keloka no tokony ho toriana amin'ny anarany any amin'ny firenena rehetra**  
 DH: "Ireo mpanara-dia ny Mesia dia tokony hitory amin'ny rehetra eny rehetra eny fa mila mibebaka sy mila ny famelan'Andriamanitra ny helony izy ireo amin'ny alalan'i Jesosy."

**amin'ny anarany**  
 Eto ny "anarana" dia maneho ny fahefany. DH: "amin'ny fahefan'i Jesosy"

**firenena rehetra**  
 "ireo foko rehetra" na "ireo vondron'olona rehetra"

#### Luke 24:48

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Jesosy manohy miresaka amin'ireo mpianatra

**Ianareo no vavolombelona**  
 "Ianareo no hilaza amin'ireo hafa fa izay itanareo momba Ahy dia marina." Ireo mpianatra dia nanara-maso ny fiainana, fahafatesana ary fitsanganan'i Jesosy, ary afaka hamaritra izay nataony tamin'ireo olona hafa.

**halefako aminareo izay nampanantenain'ny Raiko**  
 "Homeko anareo izay nampanantenain'ny Raiko omena anareo." Andriamanitra nampanantena ny hanome ny Fanahy Masina.

**Ray**  
 Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**mandra-pitafianareo ny hery**  
 Ny herin'Andriamanitra dia handrakotra azy ireo toy ny handrakofan'ny ankanjo ny olona. DH: "mandra-pandraisanareo ny hery"

**avy any ambony**  
 "avy amin'Andriamanitra"

#### Luke 24:50

**Jesosy nitarika azy ireo**  
 Jesosy nitarika ireo mpianatra ho any ivelan'ny tanàna.

**Nasandrany ny tanany**  
 Ity no fihetsika ataon'ny mpisorona rehefa hitso-drano ny olona,

**Ary**  
 Ity dia mampiditra tranga vaovao ao amin'ny tantara.

**rehefa nitso-drano azy ireo Izy**  
 "rehefa nangataka an'Andriamanitra hanao ny tsara amin'izy ireo Jesosy"

**nakarina**  
 Satria tsy nolazain'i Lioka mazava hoe iza no nampakatra Azy, dia tsy fantatsika raha Andriamanitra izay na anjely iray na maromaro.

#### Luke 24:52

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ireto andininy ireto dia milaza amintsika ny momban'ireo hetsika mandehan'ireo mpianatra raha mifarana ny tantara.

**nidera Azy izy ireo**  
 "nidera an'i Jesosy ireo mpianatra"

**ary niverina**  
 "ary avy eo niverina"

**Nitohy nankao amin'ny tempoly**  
 Ity dia filaza-masaka hanehoana fa nankao amin'ny kianjan'ny tempoly isan'andro izy ireo.

**tao amin'ny tempoly**  
 Ireo mpisorona ihany no nahazo alalana hiditra ao amin'ny tempoly. DH: "eo amin'ny kianjan'ny tempoly"

**nankalaza an'Andriamanitra**  
 "nidera an'Andriamanitra"

## Book: John

### John

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. <sup>2</sup> Izany dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. <sup>3</sup> Ny zavatra rehetra dia avy Aminy avokoa, ary raha tsy noho Izy dia tsy nisy na inona na inona. <sup>4</sup> Noho Izy no nisiam-piainana, ary io fiainana io no fahazavan'ny olona rehetra. <sup>5</sup> Ny hazavana dia mamiratra ao anaty haizina, ary ny haizina tsy nandresy izany. <sup>6</sup> Nisy lehilahy iray nirahin'Andriamanitra, Jaona no anarany. <sup>7</sup> Tonga izy mba ho vavolombelona hanambara ny momban'ny fahazavana, mba hinoan'ny rehetra amin'ny alalany. <sup>8</sup> Tsy Jaona ilay fahazavana, fa kosa tonga mba hanambara ny momba ilay fahazavana izy. <sup>9</sup> Ny fahazavana marina, izay manome hazavana ny olona rehetra, dia tonga eto amin'izao tontolo izao. <sup>10</sup> Teto amin'izao tontolo Izy, ary Izy no nahariana an'izao tontolo izao, ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy. <sup>11</sup> Tonga tany amin'ny olony Izy, ary ny olony tsy nandray Azy. <sup>12</sup> Fa ireo maro nandray Azy, izay nino ny anarany, dia nomeny fahefana ho tonga zanak' Andriamanitra. <sup>13</sup> Ireo dia tsy nateraka tamin'ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa ny an'Andriamanitra. <sup>14</sup> Ary ny Teny tonga nofo ka nonina teo amintsika. Hitanay ny voninahiny, voninahitra tahaka ilay iray sy tokana izay tonga avy tamin'ny Ray, feno fahasoavana sy fahamarinana. <sup>15</sup> Jaona nanambara ny momba Azy ka nihiaka mafy, manao hoe: "Izy ilay iray izay efa nolazaiko hoe: 'Izy izay tonga aoriako dia lehibe noho izaho, satria talohako Izy.'" <sup>16</sup> Fa avy amin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra fahasoavana hanampy fahasoavana. <sup>17</sup> Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy. Ny fahasoavana sy fahamarinana dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy kristy. <sup>18</sup> Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Fa ilay Andriamanitra iray sy tokana, izao eo an-tratran'ilay Ray, no nampahafantatra Azy. <sup>19</sup> Ary izao no fanambaran'i Jaona rehefa naniraka ireo mpisorona sy Levita avy tany Jerosalema hankeo aminy ireo Jiosy mba hanontany azy hoe: "Iza moa ianao?" <sup>20</sup> Niteny tsotra izy, ary tsy nandà, fa namaly hoe: "Tsy kristy aho." <sup>21</sup> Ka nanontany azy izy ireo hoe: "Inona ary ianao izany? Elia va ianao?" Niteny izy hoe: "Tsy izy aho" Hoy izy ireo hoe: "Ianao va ilay mpaminany?" Namaly izy hoe: "Tsia". <sup>22</sup> Avy eo izy ireo niteny taminy hoe: "Iza ianao, mba afahanay manome valin-teny an'ireo izay naniraka anay? Inona no hambaranao momban'ny tenanao?" <sup>23</sup> Hoy izy hoe: "Izao ilay feo, miantso mafy any an'efitra hoe: 'Ataovy mahitsy ny lalan'ny Tompo,' araka ny voalazan'Isaia mpaminany." <sup>24</sup> Ary nisy iraka sasany avy amin'ireo fariseo nalefa, <sup>25</sup> ary nanontany azy izy ireo ka niteny taminy hoe: "Nahoana ary ianao no manao batisa raha tsy Kristy ianao no sady tsy Elia no tsy ilay mpaminany?" <sup>26</sup> Ary Jaona namaly azy ireo, manao hoe: "Manao batisa amin'ny rano aho. Fa eo anivonareo eo dia misy olona iray mijoro izay tsy fantatrareo. <sup>27</sup> Izy ilay iray izay tonga avy ao aoriako, izay tsy mendrika ahy ny hamaha ny fehi-kapany." <sup>28</sup> Ireo zavatra ireo dia natao tany Betania tany andafin'i jordana, izay nanaovan'i Jaona batisa. <sup>29</sup> Ny ampitso Jaona nahita an'i Jesosy nanatona azy ary nilaza hoe: "Jereo, indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra izay nanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao! <sup>30</sup> Ity ilay iray izay nolazaiko hoe: 'Ilay iray izay tonga avy aoriako dia lehibe noho izaho, satria talohako Izy.'" <sup>31</sup> Ary izaho tsy nahalala Azy, fa mba ho voalaza amin'Isiraely izy no nihaviako hanao batisa amin'ny rano." <sup>32</sup> Jaona nanambara, manao hoe: "Nahita ny Fanahy nidina avy any an-danitra tahaka ny voromailala aho, ary nioetra teo amboniny izany. <sup>33</sup> Tsy nahafantatra Azy aho, fa Izy izay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano nilaza tamiko hoe: 'Eo ambonin'izay hitanao hidinan'ny Fanahy sy hitoerany eo aminy, izy ilay iray izay manao batisa amin'ny Fanahy Masina.'" <sup>34</sup> Sady nahita aho no nanambara fa izy ilay Zanak'Andriamanitra." <sup>35</sup> Ny ampitso, indray, raha nijoro niaraka tamin'ny roa amin'ireo mpianany Jaona, <sup>36</sup> dia nahita an'i Jesosy nandeha izy ireo, ka hoy Jaona hoe: "Jereo, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra!" <sup>37</sup> Nandre azy niteny izany ireo mpianany roa ka nanaraka an'i Jesosy izy ireo. <sup>38</sup> Avy eo Jesosy nitodika ka nahita azy ireo nanaraka Azy ka niteny azy ireo hoe: "Inona no ilainareo?" Namaly ireo hoe: "Raby (izay midika hoe mpampianatra), aiza ianao no mitoetra?" <sup>39</sup> Namaly azy ireo Izy hoe: "Manatona ary jereo." Ary nanatona izy ireo ka nahita ny toerana izay nonenany; nitoetra niaraka Taminy tao izy ireo tamin'io andro io, fa tokony efa ho ora fahafolo tamin'izay. <sup>40</sup> Iray tamin'ireo mpianatra roa nandre an'i Jaona niteny ary nanaraka an'i Jesosy avy eo i Andrea, rahalahin'i Simona Petera. <sup>41</sup> Nitady an'i Simona rahalahiny aloha izy ary nilaza taminy hoe: "Hitanay ny Mesia" (izay adika hoe Kristy) <sup>42</sup> Nitondra azy tany amin'i Jesosy izy, ary nijery azy Jesosy ka niteny hoe: "Ianao dia Simona zanak'i Jaona, ianao dia ho

antsoina hoe Kefasy" (izay midika hoe: Petera). <sup>43</sup> Ny ampitso, raha te-hiala ho any Galilia Jesosy, dia nahita an'i Filipo Izy ary nilaza taminy hoe: "Manaraha Ahy." <sup>44</sup> Filipo dia avy any betsahida, tanànan'i Andrea sy Petera. <sup>45</sup> Nahita an'i Natanaela i Filipo ka niteny taminy hoe: "Izy izay nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna, sy ireo mpaminany, hitanay Izy, dia Jesosy zanak'i Josefa, avy any Nazareta." <sup>46</sup> Natanaela niteny taminy hoe: "Moa hisy zava-tsoa avy ao Nazareta?" Filipo nilaza taminy hoe: "Manatona ary jereo." <sup>47</sup> Jesosy nahita an'i Natanaela nanatona azy ary nilaza ireo mombamomba azy hoe: "Jereo, izany no tena isiraelita, izay tsy misy fitaka ao aminy!" <sup>48</sup> Natanaela niteny Taminy hoe: "Ahoana no hahafantaranao ahy?" Jesosy namaly ka nilaza taminy hoe: "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, raha teo ambanin'ny hazon'aviavy ianao, dia tazako." <sup>49</sup> Natanaela namaly hoe: "Raby, ianao ilay zanak'Andriamanitra! Ianao no mpanjakan'Isiraely!" <sup>50</sup> Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Satria ve Aho niteny taminao hoe: 'Nahita anao teo ambanin'ny hazon'aviavy Aho,' no hinoanao? Hahita zavatra tsara mihoatra noho izany ianao." <sup>51</sup> Avy eo Izy niteny hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa hahita ny lanitra hisokatra ianareo, ary ireo anjelin'Andriamanitra hiakatra sy hidina eo ambonin'ny Zanak'Olona."

## John 1:1

### Tamin'ny voalohany

Ity dia maneho ny fotoana taloha ela be talohan'ny namoronan'Andriamanitra ireo lanitra sy ny tany.

### ny Teny

Ity dia maneho an'i Jesosy. Adikao hoe "ny Teny" raha azo atao. Na koa adika hoe "ilay iray izay nantsoina hoe ny Teny."

### Ny zavatra rehetra dia avy Aminy avokoa

DH: "Andriamanitra nanao ny zavatra rehetra tamin'ny alalany.

### Raha tsy noho Izy dia tsy nisy na inona na inona

DH: "Andriamanitra dia tsy nanao na inona na inona raha tsy niaraka Taminy" na "Andriamanitra dia nanao ny zavatra rehetra niaraka Taminy"

## John 1:4

### Noho Izy no nisiam-piainana

Eto ny "fiainana" dia sari-teny izay mahatonga ny zavatra rehetra ho velona. DH: "Ilay iray izay natsoina hoe ny Teny dia ilay nahatonga ny zavatra rehetra ho velona"

### fiainana

Eto dia mampiasa ny hoe "Fiainana" amin'ny ankapobeny. Fa raha tsy maintsy mazava kokoa ianao, dia adikao hoe "fiainana ara-panahy"

### Io fiainana io no fahazavan'ny olona rehetra

Ny "fahazavana" dia sari-teny izay midika ny fanambaran'Andriamanitra. DH: "Izy dia nampiseho antsika ny marina momban' Andriamanitra tahaka ny fahazavana mampiseho izay ao anatin'ny haizina"

### Ny hazavana dia mampiratra ao anaty haizina, ary ny haizina tsy nandresy izany.

Tahaka ny haizina tsy afaka manala ny fahazavana, dia tsy afaka manakana ilay Iray izay tahaka ny

fahazavana ny amin'ny fampisehoana ny fahamarinan'Andriamanitra ny olon-dratsy.

## John 1:6

### hanambara ny momban'ny fahazavana

Eto ny "fahazavana" dia sari-teny hilazana ny fanambaran'Andriamanitra ao amin'i Jesosy. DH: "hampiseho hoe ahoana ny mampitovy an'i Jesosy amin'ny fahazavana marin'Andriamanitra"

## John 1:9

### Ny fahazavana marina

Eto ny "fahazavana" dia sari-teny izay maneho an'i Jesosy tahaka ny fanambarana marin' Andriamanitra. DH: "Tahaka ny fahazavana marina"

## John 1:10

**Teto amin'izao tontolo Izy, ary Izy no nahariana an'izao tontolo izao, ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy**  
"Na dia mbola teto amin'ity tany ity aza Izy, ary Andriamanitra namorona ny zavatra rehetra tamin'ny alalany, dia mbola tsy nahalala Azy ny olona"

### ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy

Ny hoe "izao tontolo izao" dia midika hoe ny olona rehetra izay monina eto ambonin'ny tany. DH: "Ny olona dia tsy nahafantatra hoe iza marina Izy"

### Tonga tany amin'ny olony Izy, ary ny olony tsy nandray Azy.

"Izy dia tonga tany amin'ireo mpiray tanàna namany, ary ireo mpiray tanàna namany dia tsy nanaiky Azy koa"

### Nandray

Ity dia midika hoe manaiky olona iray. Rehefa misy olona mandray vahiny, dia mampandroso sy manome haja azy ireo amin'ny fanantenana mba hanorenana fifandraisaina amin'izy ireo.

## John 1:12

### nino ny anarany

Ity dia midika hoe mahatoky an'i Jesosy ho Mpamonjy ary miaina amin'ny fomba izay manome voninahitra Azy.

### ny anarany

Ny teny hoe "anarana" dia manambara ny maha-Jesosy an'i Jesosy sy ny rehetra mahakasika Azy. DH: "Jesosy"

### nomeny fahefana

"Izy dia nanome fahefana azy ireo" na "nataony ho azo tanterahina ho azy ireo izany"

### zanak'Andriamanitra

Ny teny hoe "Zanaka" dia sari-teny izay maneho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, izay tahaka ny zanaka amin'ny ray.

## John 1:14

### Teny

Izany dia fanoharana izay maneho an'i Jesosy. Izy ilay iray izay maneho hoe tahaka ny ahoana Andriamanitra.

### Ray

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### feno fahasoavana

"feno fihetsika tsara manoloana antsika izay tsy mendrika antsika"

### Izy izay tonga aoriako

Jaona dia miresaka momban'i Jesosy. Ny fehezanteny hoe "tonga aoriako" dia midika hoe ny asa fanompoan'i Jaona dia efa nanomboka ary ny an'i Jesosy dia hanomboka atsy ho atsy, aorian'ny an'i Jaona.

### lehibe noho izaho

"dia lehibe mihoatra noho izaho" na "dia manan-danja kokoa noho izaho."

### satria talohako Izy

Tandremo tsy handika ity amin'ny fomba milaza hoe manan-danja kokoa Jesosy satria lehibe ara-taona amin'i Jaona. Jesosy dia lehibe sy manan-danja kokoa noho Jaona satria Izy dia Andriamanitra ilay Zanaka, izay velona foana.

## John 1:16

### fahafenoany

Ity teny ity dia maneho ny fahasoavan' Andriamanitra izay tsy manam-petra.

### fahasoavana hanampy fahasoavana

"fitahiana miampy fitahiana"

### Ray

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

## John 1:19

### naniraka ... avy tany Jerosalema hankeo aminy ireo Jiosy

Ny teny hoe "Jiosy" dia manambara ireo "Mpitarika Jiosy." DH: "naniraka ... avy tany Jerosalema hankeo aminy ireo mpitarika Jiosy"

### Niteny tsotra izy, ary tsy nandà

Ity dia manamafy fa niteny ny marina Jaona. DH: "Izy dia niteny tamin'izy ireo ny fahamarinana an-kalalahana."

### Inona ary ianao izany?

"Inona izany no hitranga, raha tsy ianao ilay Mesia?" na "Inona izany no hitranga?" na "Inona izany no hataonao?"

## John 1:22

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jaona dia manohy ny resaka niaraka tamin'ireo mpisorona sy Levita.

### izy ireo niteny taminy hoe

"ireo mpisorona sy Levita niteny tamin'i Jaona"

### mba afahanay manome valin-teny an'ireo izay naniraka anay

Ireo mpisorona sy ireo Levita no miteny, fa tsy Jaona

### Hoy izy hoe

"Jaona niteny hoe"

### Izao ilay feo, miantso mafy any an'efitra

Jaona dia miteny fa ny faminanin'Isaia dia momban'ny tenany. Ny teny hoe "feo" dia maneho ilay olona izay mihika mafy any an'efitra. DH: "Izaho ilay miantso mafy any an'efitra"

### Ataovy mahitsy ny lalan'ny Tompo

Eto ny teny hoe "lalana" dia sari-teny. "Homano ny tenanareo amin'ny fahatongavan'ny Tompo tahaka ny olona manomana ny lalana ho an'ny olona manan-kaja mba ho hampiasaina."

## John 1:24

### Ary nisy iraka sasany avy amin'ireo fariseo nalefa

Ity dia fampahafantarana fototra mahakasika ireo olana izay nametraka fanontaniana an'i Jaona.

## John 1:26

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha-28 dia milaza antsika ny fampahafantarana fototra mahakasika ny fizotry ny tantara.

**ilay iray izay tonga avy ao aoriako**  
 "Izy hampianatra anareo rehefa lasa aho"

**izay tsy mendrika ahy ny hamaha ny fehi-kapany**  
 Ny andraikitra "mamaha ireo fehi-kapany," izay asan'ny mpanompo na andevo, dia sari-teny. Jaona dia milaza fa tsy mendrika azy na dia ny hanao ny asa tsy mahafinaritra indrindra an'ny mpanompo ho an'i Jesosy aza.

### John 1:29

**zanak'ondrin'Andriamanitra**  
 Ity dia sari-teny izay maneho ny sorona tsaran'Andriamanitra. Jesosy dia natsoina hoe "Zanak'ondrin'Andriamanitra" satria izy dia natao sorona mba ho takalon'ireo otan'ny olona.

**izao tontolo izao**  
 Ny teny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra maneran-tany.

**ilay iray izay tonga avy aoriako dia lehibe noho izaho, satria talohako Izy**  
 Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 1:14 ity.

### John 1:32

**tahaka ny voromailala**  
 Ity fehezanteny ity dia fanoharana. Ny "Fanahy" dia nidina teo amin'ny olona tahaka ny voromailala.

**an-danitra**  
 Ny teny hoe "lanitra" dia midika hoe "habakabaka."

**ilay Zanak'Andriamanitra**  
 Ny dika-teny sasany ato amin'ity dia milaza hoe "Zanak'Andriamanitra"; ny sasany milaza hoe " ilay voafidin'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**  
 Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

### John 1:35

**Ny ampitso, indray**  
 Andro hafa ity. Izany dia andro faharoa izay nahitan'i Jaona an'i Jesosy.

**Zanak'ondrin'Andriamanitra**  
 Ity dia sari-teny manambara ny sorona tsaran'Andriamanitra. Jesosy dia natsoina hoe "Zanak'ondrin'Andriamanitra" satria Izy natao sorona mba ho takalon'ireo otan'ny olona. Jereo ny nandikanao ity fehezanteny mitovy ity tao amin'ny 1:29.

### John 1:37

**ora fahafolo**  
 "ora hafa-10." Ity dia manondro ny fotoana ao anatin'ny folak'andro, alohan'ny maizina, izay efa

tara lotra raha mbola handehanana mankany amin'ny tanàna hafa, mety hoe amin'ny 4 hariva any ho any.

### John 1:40

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ireto andininy ireto dia manome antsika fampahafantarana momban'i Andrea sy ny fomba nitondrany an'i Petera rahalahany ho any amin'i Jesosy. Ity dia nitranga talohan'ny nandehanan'izy ireo sy nahitan'izy ireo hoe taiza Jesosy no nitoetra tao amin'ny 1:37.

**zanak'i Jaona**  
 Tsy Jaona mpanao Batisa ity. "Jaona" dia anarana be mpanana.

### John 1:43

**Filipo dia avy any betsahida, tanànan'i Andrea sy Petera**  
 Ity dia fampahafantarana amin'ny ankapobeny momban'i Filipo.

### John 1:46

**Natanaela niteny taminy**  
 "Natanaela niteny tamin'i Filipo"

**Moa hisy zava-tsoa avy ao Nazareta?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanampiana fanamafisana. DH: "tsy misy zavatra tsara afaka mivoaka avy ao Nazareta!"

**Izay tsy misy fitaka ao aminy**  
 DH: "lehilahy tena feno fahamarinana"

### John 1:49

**Raby, ianao ilay zanak'Andriamanitra! Ianao no mpanjakan'Isiraely!**  
 Natanaela miteny fa Jesosy dia "ilay Zanak'Andriamanitra" satria Jesosy nahafantatra an'i Natanaela na dia tsy nisy fiaonana taminy aza teo aloha.

**Zanak'Andriamanitra**  
 Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**Satria ve aho niteny taminao hoe ... no hinoanao?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Mino ianao satria niteny Aho hoe: 'Nahita anao teo ambanin'ny hazon'aviavy Aho'!"

**marina, dia marina tokoa**  
 Adikao amin'ny fomba hanamafisan'ny teninao ity fa izay manaraka eo dia manan-danja sady marina.





## Chapter 2

<sup>1</sup> Telo andro taty aoriana, dia nisy fampakaram-bady tao Kanà ao Galilia, ary tao ny renin'i Jesosy. <sup>2</sup> Jesosy sy ireo mpianany dia nasaina tamin'ilay fampakaram-bady. <sup>3</sup> Rehefa lany ny divay, dia niteny taminy ny renin'i Jesosy hoe: "Tsy manana divay izy ireo." <sup>4</sup> Ary hoy Jesosy taminy hoe: "Ravehivavy, nahoana ianao no mankaty amiko? Mbola tsy tonga ny fotoako." <sup>5</sup> Dia hoy ny reniny tamin'ireo mpanompo hoe: "Na inona na inona lazainy aminareo, dia ataovy izany." <sup>6</sup> Ary nisy siny vato enina teo izay fampiasa amin'ny andro fisasan'ny Jiosy, mahazaka roa hatramin'ny telo metatra avy. <sup>7</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Fenoy rano ny siny." Ka nofenoin'izy ireo hatramin'ny molony izany. <sup>8</sup> Nony avy eo dia hoy Izy tamin'ireo mpanompo hoe: "Manovoza amin'izany ary ento any amin'ny tompon'andraikitry ny fikarakarana." Ka notanterahin'izy ireo izany. <sup>9</sup> Nandraman'ny tompon'andraikitry ny fikarakarana ilay rano lasa divay, kanefa tsy nahalala izay niavian'izany izy (fa ireo mpanompo izay nanovo ny rano kosa nahafantatra). Avy eo dia niantso ny mpampakatra Izy <sup>10</sup> ary nilaza taminy hoe: "Ny olona rehetra dia mandroso ny divay tsara aloha izay vao ny divay moramora rehefa mamo izy ireo. Fa ianareo kosa nitahiry ny divay tsara mandrak'ankehitriny." <sup>11</sup> Izany no famantarana voalohany nataon'i Jesosy tao Kanà any Galilia, ary naneho ny voninahiny Izy, ka nino Azy ireo mpianany. <sup>12</sup> Taorian'izay dia nidina ho any Kapernaomy Jesosy, ny reniny, ireo rahalahiny sy ireo mpianany ary nijanona tao andro vitsivitsy izy ireo. <sup>13</sup> Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, dia niakatra tany Jerosalema Jesosy. <sup>14</sup> Nahita mpivarotr'omby, ondry ary voromailala tao an-tempoly Izy, ary nipetraka tao ihany koa ireo mpanakalo vola. <sup>15</sup> Noho izany dia nanamboatra karavasy izy ka nandroaka azy rehetra hivoaka ny tempoly, na ny ondry na omby. Nandraraka ny volan'ireo mpanakalo vola Izy ary nananjera ny latabatr'izy ireo. <sup>16</sup> Dia hoy Izy tamin'ireo mpivarotra voromailala hoe: "Ento mivoaka lavitra ity toerana ity ireo zavatra ireo. Aoka izay ny fanaovana ny tranon-dRaiko ho toeram-pivarotana." <sup>17</sup> Ary tsaroan'ireo mpianany fa efa voasoratra hoe: "Ny firehetako ny amin'ny tranonao no handevona ahy." <sup>18</sup> Avy eo namaly ireo lohandoan'ny mpisorona Jiosy ka nanao taminy hoe: "Inona no famantarana ho asehona anay, mahatonga anao manao ireny zavatra ireny?" <sup>19</sup> Jesosy namaly hoe: "Ravao ity tempoly ity, fa ho hatsangako anatin'ny telo andro monja izany." <sup>20</sup> Ary hoy ireo mpanapaka jiosy hoe: "Enina amby efapolo taona no nanorenana ity tempoly ity, ka ianao ve hahatsangana azy ao anatin'ny telo andro?" <sup>21</sup> Kanefa, momban'ny tempolin'ny tenany no noresahany. <sup>22</sup> Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, dia tsaroan'ireo mpianany fa nilaza izany izy, ary nino ny Soratra Masina sy izany teny nolazain'i Jesosy izany izy ireo. <sup>23</sup> Ary rehefa tao Jerosalema Izy tamin'ny andro firavoravoan'ny Paska, dia maro no nino ny anarany rehefa nahita ireo famantarana izay nataony. <sup>24</sup> Fa Jesosy kosa tsy nahatoky azy ireo noho Izy nahafantatra tsara azy rehetra, <sup>25</sup> satria tsy nila na iza na iza hanambara aminy ny momban'ny olona Izy, noho Izy nahafantatra ny ao anatin'ny olona.

### John 2:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy sy ireo mpianany dia voaasa tamin'ny fanambadiana iray. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana amin'ny ankapobeny momban'ny fizotry ny tantara.

#### Telo andro taty aoriana

Ny ankamaroan'ireo mpandika teny dia mamaky ity toy ny hoe andro fahatelo taorian'ny niantsoan'i Jesosy an'i Filipo sy Natanaela. Ny andro voalohany dia miseho ao amin'i Jaona 1:35 ary ny faharoa ao amin'i Jaona 1:43.

#### Jesosy sy ireo mpianany dia nasaina tamin'ilay fampakaram-bady

DH: "Nisy olona nanasa an'i Jesosy sy ireo mpianany tamin'ny fampakaram-bady."

### John 2:3

#### Ravehivavy

Ity dia maneho an'i Maria. Raha tsy fanajana ho an'ny zanaka lahy ny miantso ny reniny hoe "Ravehivavy" amin'ny fomba fiteninanao, dia mampiasaha teny hafa, na avelao amin'izao.

#### Nahoana ianao no mankaty amiko?

Ity fanontaniana ity dia napetraka mba ho fanamafisana. DH: "Tsy misy idirako izany" na "Tsy tokony hiteny amiko izay tokony atao ianao"

#### Mbola tsy tonga ny fotoako

Ny teny hoe "fotoana" dia ho entina hilazana ny fotoana mety ho an'i Jesosy hampisehoana fa Izy ilay Mesia amin'ny fanaovana fahagagana. DH: "Tsy mbola fotoana hanaovako asa mahagaga izao."

**John 2:6****roa hatramin'ny telo metatra**

"80 hatramin'ny 120 litatra." ny "metatra" dia refy eo amin'ny 40 litatra eo eo.

**hatramin'ny molony**

Ity dia midika hoe "hatreo amin'ny farany ambony indrindra" na "efa feno tanteraka."

**ny tompon'andraikitra ny fikarakarana**

Ity dia maneho ilay olona izay tompon'andraikitra amin'ny sakafo sy zava-pisotro.

**John 2:9****Fa ireo mpanompo izay nanovo ny rano kosa nahafantatra**

Ity dia fampahafantarana fototra.

**mamo**

Tsy mahavita milaza ny fahasamihafana eo amin'ny divay lafo sy divay mora intsony nohon'ny fisotroana alikaola be loatra.

**John 2:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity andininy ity dia tsy ao anatin'ny fizaran'ny tantara fototra, fa kosa manome hevitra momban'ny tantara.

**Kanà**

Ity dia anaran-tanàna.

**Naneho ny voninahiny**

Eto ny "voninahiny" dia maneho ny hery maherin'i Jesosy. DH: "Nampiseho ny heriny"

**John 2:12****nidina**

Ity dia midika fa nandeha avy any amin'ny toerana ambony nankany amin'ny toerana iva izy ireo. Kanà dia any atsimon'i Kapernaomy ary ambony toerana be.

**Ireo rahalahiny**

Ny teny hoe "rahalahy" dia manambara ireo rahalahy sy anabavy. Ireo rahalahy sy anabavin'i Jesosy rehetra dia mbola tanora noho Izy.

**John 2:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy sy ireo mpianany dia niakatra ho any Jerosalema ho ao an-tempoly.

**niakatra tany Jerosalema**

Ity dia midika fa avy any amin'ny toerana iva izy ireo no niakatra ho any amin'ny toerana avo. Jerosalema dia nihorina teny an-tampon-kavona.

**nipetraka tao**

Ny andininy manaraka dia manazava tsara fa ireo olona ireo dia teo amin'ny kianjan'ny Tempoly. Izany toerana izany dia natao hiderana an'Andriamanitra fa tsy hanaovana raharaham-barotra.

**mpivarotr'omby, ondry ary voromailala**

Ny olona dia nividy biby tao amin'ny kianjan'ny tempoly mba hatao sorona ho an'Andriamanitra.

**mpanakalo vola**

Ny fanjakana Jiosy dia mitaky amin'ny vahoaka izay mitady hividy biby atao sorona mba hanakalo ny volan'izy ireo amin'ny vola voatokana amin'izany any amin'ireo "mpanakalo vola"

**John 2:15****Noho izany**

Ity teny ity dia manamarika tranga izay niseho nohon'ny tranga hafa izay nitranga teo aloha. Amin'ity tranga ity, dia hitan'i Jesosy nipetraka tao an-tempoly ireo mpanakalo vola.

**Aoka izay ny fanaovana ny tranon-dRaiko ho toeram-pivarotana**

"atsaharo ny mividy sy mivarotra zavatra ato an-tranon'ny Raiko"

**ny tranon-dRaiko**

Ity teny nampiasan'i Jesosy mba anehoana ny Tempoly.

**Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja izay fampiasan'i Jesosy hiantsoana an'Andriamanitra.

**John 2:17****efa voasoratra**

DH: "nisy olona nanoratra"

**ny tranonao**

Ity teny ity dia maneho ny Tempoly, ny tranon'Andriamanitra.

**handevona**

Ny teny hoe "handevona" dia sari-teny natao ho an'ny "afo." Ny fitiavan'i Jesosy ny Tempoly dia tahaka ny afo mirehitra ao Aminy.

**famantarana**

Ity dia maneho tranga izay manapororofo fa marina ny zavatra iray.

**ireny zavatra ireny**

Ity dia maneho ireo fihetsik'i Jesosy manoloana ireo mpanakalo vola tao an-tempoly.

**Ravao ity tempoly ity, fa ho hatsangako anatin'ny telo andro monja**

Jesosy dia maneho ny tenany manokana tahaka ny Tempoly izay ho faty ka hitsangana indray afaka

telo andro. Adikao amin'ny fomba izay maneho ny hoe nandrodana trano ka nanangana vaovao ity. Tsy mandidy ireo mpianany mba handrodana ny tempoly Jesosy.

**ho hatsangako**

Izany dia midika hoe "manamboatra indray" na "manavao."

**John 2:20**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha 21 sy 22 dia tsy isan'ny fizarana amin'ny tantara fototra, fa kosa maneho hevitra amin'ilay tantara sy milaza momban'ny zavatra izay hitranga atsy ho atsy.

**ka ianao ve hahatsangana azy ao anatin'ny telo andro?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hampisehoana fa ny fanjakana Jiosy dia mahazo fa te-handrodana ny tempoly Jesosy ary hanorina izany indray ao anatin'ny telo andro. DH: "Tsy vitanao ny hanorina izany ao anatin'ny telo andro!"

**nino**

Eto ny hoe "mino" dia midika hoe manaiiky na mahatoky fa marina izany.

**izany teny nolazain'i Jesosy izany**

Ity dia maneho ilay teny nolazain'i Jesosy tao amin'ny 2:17.

**John 2:23**

**Ary rehefa tao Jerosalema Izy**

Ny teny hoe "Ary" dia mampiditra antsika amin'ny tranga vaovao ao amin'ny tantara.

**nino ny anarany**

Eto ny "anarana" dia maneho an'i Jesosy mihintsy. DH: "nino Azy" na "nahatoky Azy"

**ireo famantarana izay nataony**

Ireo fahagagana koa dia azo atsoina hoe "famantarana" satria izany dia nampiasana mba ho porofo fa Andriamanitra dia ilay mahery indrindra izay manana ny fahefana tanteraka eto amin'izao tontolo izao.

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ary nisy Fariseo iray antsoina hoe Nikodemosy, mpitarika Jiosy. <sup>2</sup> Nanatona an'i Jesosy tamin'ny andro alina io lehilay io ary niteny taminy hoe: "Raby, fantatray fa mpampianatra izay avy amin'Andriamanitra ianao, satria tsy misy mahavita ireo famantarana ataonao raha tsy miaraka aminy Andriamanitra." <sup>3</sup> Dia namaly azy Jesosy nanao hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy hahita ny fanjakan' Andriamanitra izy." <sup>4</sup> Nikodemosy niteny taminy hoe: "Amin'ny fomba ahoana no hahateraka ny olona iray raha efa antitra izy? Tsy afaka hiditra fanandroany ao an-kibondreniny izy ary hateraka, sa ve afaka?" <sup>5</sup> Namaly Jesosy hoe: "Lazaiko aminao marina, dia marina tokoa, fa raha tsy nateraka tamin'ny rano sy ny fanahy ny zanak'olona, dia tsy afaka hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy." <sup>6</sup> Izay ateraky ny nofo dia nofo, ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. <sup>7</sup> Aza gaga amin'izay nolazaiko anao hoe: 'Tsy maintsy hateraka indray ianareo.' <sup>8</sup> Ny rivotra mitsoka na aiza na aiza iriany; renao ny feony, fa tsy fantatrao izay niaviany na izay alehany. Tahaka izany avokoa izay ateraky ny Fanahy." <sup>9</sup> Namaly Nikodemosy ka niteny taminy hoe: "Ahoana ny fomba hahatanterahan'izany zavatra izany?" <sup>10</sup> Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Mpampianatra an'Israely ve ianao, dia mbola tsy azonao ihany izany zavatra izany?" <sup>11</sup> Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fa izay fantatray no resahanay, ary izahay manambara ny momba izay hitanay. Kanefa mbola tsy manaiiky ny fanambaranay ianareo. <sup>12</sup> Raha nanambara taminareo ny zavatra tety an-tany Aho nefa tsy hinoanareo, amin'ny fomba ahoana no hinoanareo Ahy raha hitantara aminareo ny zava-misy any an-danitra Aho? <sup>13</sup> Tsy nisy niakatra any an-danitra afa-tsy Ilay nidina avy tany, dia Ilay zanak'Olona izany. <sup>14</sup> Ary toy ny nanandratan'i Mosesy ny bibilava tany an'efitra, no tsy maintsy hanandratan'ny Zanak'olona, <sup>15</sup> mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy. <sup>16</sup> Fa tena tian'Andriamanitra izao tontolo izao, ka nomeny ny zanany lahy tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana ny fiainana mandrakizay. <sup>17</sup> Fa Andriamanitra tsy naniraka ilay Zanak'olona lahy ho amin'izao tontolo izao mba hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjy izao tontolo izao amin'ny alalany. <sup>18</sup> Izay mino Azy dia tsy helohina, fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka sahady satria tsy nino ny anaran'ilay Zanak'olona lahy iray sy tokan'Andriamanitra. <sup>19</sup> Izao no anton'ny fitsaràna: tonga teto amin'izao tontolo izao ny fahazavana, nefa dia naleon'ny olombelona ny haizina toy izay ny mazava satria ratsy ireo asa nataony. <sup>20</sup> Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava ary tsy manatona izany mba tsy ho hita miharihary ireo asany. <sup>21</sup> Kanefa, izay manao ny marina dia manatona ny mazava mba ho hita tsara fa ireo asany dia natao arakan'Andriamanitra." <sup>22</sup> Taorian'izay, dia nandeha tany Jodia Jesosy sy ireo ny mpianany. Nitoetra fotoana vitsy tao niaraka tamin'izy ireo Izy ary nanao batisa. <sup>23</sup> Ary Jaona koa nanao batisa tany Ainona akaikin'i Saleima satria betsaka ny rano tany. Nanatona azy ny vahoaka ary natao batisa, <sup>24</sup> fa tsy mbola nalefa any an-trano maizina Jaona. <sup>25</sup> Avy eo nisy fifandirana tamin'ny sasany amin'ireo mpianatr'i Jaona sy Jiosy iray momban'ny andro fisasana. <sup>26</sup> Nanatona an'i Jaona izy ireo ka niteny taminy hoe: "Raby, Ilay iray niaraka taminao tany ampitan'ny reniranon'i Joridana, izay nambaranao, indro, manao batisa izy, ary manatona azy avokoa izy rehetra." <sup>27</sup> Ary Jaona namaly hoe: "Tsy afaka mandray na inona na inona ny olona iray raha tsy nomena azy avy any an-danitra izany." <sup>28</sup> Ianareo ihany dia efa afaka ny vavolombelona amin'ny lazaiko hoe: 'Tsy ilay Kristy aho,' fa kosa: 'Nirahina talohany.' <sup>29</sup> Ny ampakarina dia an'ny mpampakatra. Ary ny sakaizan'ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra nohon'ny amin'ny fahenoana ny feon'ny mpampakatra. Izany, ary, no mameno ny hafaliako. <sup>30</sup> Tsy maintsy mitombo Izy, fa izaho kosa tsy maintsy mihena. <sup>31</sup> Izy izay avy any ambony dia ambonin'ny zava-drehetra. Izy izay avy eto an-tany dia avy eto an-tany ary miresaka momban'ny eto an-tany. Izay avy any an-danitra dia ambonin'ny zava-drehetra. <sup>32</sup> Izy dia manambara ny momba izay hitany sy reny, kanefa dia tsy misy mandray ny fanambaranay. <sup>33</sup> Izay nandray ny fanambaranay kosa dia nanamafy fa marina Andriamanitra. <sup>34</sup> Fa ilay iray nirahin'Andriamanitra dia milaza ny tenin'Andriamanitra. Satria tsy nasiany fetra ny fanomezana ny Fanahy. <sup>35</sup> Ny Ray tia ilay zanaka lahy ary nametraka ny zava-drehetra teo ampelan-tanany. <sup>36</sup> Izay mino ilay Zanak'olona lahy dia manana ny fiainana mandrakizay, fa izay tsy mankatò ilay zanaka lahy kosa dia tsy hahita fiainana, fa hitoeran'ny hatezeran'Andriamanitra."

### John 3:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Nikodemosy dia tonga hijery an'i Jesosy.

### Ary

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fizarana vaovao amin'ny tantara aray hampidirana an'i Nikodemosy.

**fantatray**

Eto ny "izahay" dia maneho an'i Nikodemosy sy ireo mpikambana hafa ao amin'ny Synedriona Jiosy.

**John 3:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy sy Nikodemosy dia nanohy ny resany.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**ateraka indray**

"teraka avy any an-danitra" na  
"naterak'Andriamanitra"

**fanjakan'Andriamanitra**

Ny teny hoe "fanjakana" dia sari-teny entina maneho ny lalàn'Andriamanitra. DH: "Toerana izay hanjakan'Andriamanitra"

**ahoana no hahateraka ny olona iray raha efa antitra izy?**

Nampiasan'i Nikodemosy ity fanontaniana ity mba hanamafisana fa tsy afaky ny hitranga izany. DH: "Ny olona dia tsy afaka hateraka indray rehefa antitra!"

**Tsy afaka hiditra fanindroany ao an-kibon-dreniny izy ary hateraka, sa ve afaka?**

Nikodemosy ihany koa dia nampiasa ity fanontaniana ity mba hanamafisana ny finoany fa tsy mety intsony ny hateraka fandroany. "Azo antoka fa tsy afaka miditra fanindroany ao anatin'ny kibon-dreniny intsony izy!"

**John 3:5****marina, dia marina tokoa**

Ity dia afaka adikanao mitovy amin'izay nataonao tao amin'ny 3:3.

**nateraka tamin'ny rano sy ny fanahy**

Misy dikan-teny roa azo atao: 1) "Vita batista tamin'ny rano sy ny Fanahy" na 2) "teraka arabatana sy ara-panahy"

**fanjakan'Andriamanitra**

Ny teny hoe "fanjakana" dia sari-teny hilazana ny lalàn'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny olona iray. DH: "Izy dia tsy afaka hiaina ny lalàn'Andriamanitra eo amin'ny fiainany."

**John 3:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'i Nikodemosy.

**Tsy maintsy hateraka indray ianareo**

"Tsy maintsy hateraka avy any an-danitra ianareo"

**Ny rivotra mitsoka na aiza na aiza iriany**

Amin'ny fiteny niandohana, ny rivotra sy ny fanahy dia teny iray ihany. Ny mpitantara eto dia maneho

ny rivotra ho tahaka ny olona. DH: "Ny Fanahy Masina dia tahaka ny rivotra izay mitsoka na aiza na aiza tiany"

**John 3:9****Ahoana ny fomba hahatanterahan'izany zavatra izany?**

Ity fanontaniana ity dia manamafy ny fanambarana. DH: "Tsy afaka hisy izany!" na "Tsy afaka ny hitranga izany!"

**Mpampianatra an'Israely ve ianao, dia mbola tsy azonao ihany izany zavatra izany?**

DH: "Ianao dia mpampianatra an'Isiraely, ka dia gaga aho raha tsy mazava aminao ireo zavatra ireo!"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**resahanay**

Rehefa miteny Jesosy hoe "izahay," dia tsy ampidiriny ao anatin'izany Nikodemosy.

**John 3:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'i Nikodemosy.

**amin'ny fomba ahoana no hinoanareo Ahy raha hitantara aminareo ny zava-misy any an-danitra Aho?**

Ity fanontaniana ity dia manamafy ny tsy finoan'i Nikodemosy. DH: "Azo antoka fa tsy hino ianao raha resahako mahakasika ny zava-misy any an-danitra!"

**zava-misy any an-danitra**

Zavatra ara-panahy

**Lanitra**

Ity dia midika hoe ny toerana izay ipetrahan' Andriamanitra.

**John 3:14**

**Ary toy ny nanandratan'i Mosesy ny bibilava tany an'efitra, no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona**  
Hisy olona sasany "hanandratra" an'i Jesosy tahaka an'i Mosesy "nanandratra" ny bibilava varahana tany an'efitra.

**tany an'efitra**

Ny efitra dia tany maina, ngazana, fa eto izany dia maneho manokana ilay toerana nandehanan'i Mosesy sy ireo Israelita nandritry ny efapolo taona.

**John 3:16****tena tian'Andriamanitra izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra maneran-tany.

**tian'Andriamanitra**

Ity ilay karazana fitiavana izay avy amin' Andriamanitra ary mifantoka amin'ny mahatsara ny

hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao.  
Andriamanitra tenany dia fitiavana ary fototry ny  
fitiavana marina.

**Fa Andriamanitra tsy naniraka ilay Zanaka lahy ho  
amin'izao tontolo izao mba hanameloka izao tontolo  
izao, fa mba hamonjy izao tontolo izao amin'ny alalany**  
DH: "Ny tena antony nandefasan'Andriamanitra ny  
Zanany lahy tety an-tany dia ny hanavotra izany."

**hanameloka**  
"manasazy"

**tsy helohina**  
"tsy meloka"

**Zanak'Andriamanitra**  
Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

### John 3:19

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Vita ny famalian'i Jesosy an'i Nikodemosy.

**tonga teto amin'izao tontolo izao ny fahazavana**  
Ny teny hoe "fahazavana" dia sari-teny hilazana ny  
fahamarinan'Andriamanitra izay naseho tao amin'i  
Jesosy. Ny "tany" dia midika hoe ny olona rehetra  
monina "eto ambonin'ny tany." DH: Ilay iray izay  
tahaka ny fahazavana dia nanampiseho ny  
fahamarinan'Andriamanitra tamin'ny olona"

**naleon'ny olombelona ny haizina**  
Eto ny "haizina" dia sari-teny maneho ny faritra tsy  
nahazo ny "fahazavan'ny" fanambaran'  
Andriamanitra tao amin'i kristy.

**mba tsy ho hita miharihary ireo asany**  
DH: "amin'izay ny fahazavana dia tsy hampiseho  
ireo zavatra ataony" na "ka mba tsy hampazava ireo  
asany ny fahazavana."

**ho hita tsara fa ireo asany**  
DH: "ny olona dia mety hahita tsara ireo asany" na  
"ny olona rehetra dia mety hahita ireo zavatra  
ataony"

### John 3:22

**Taorian'izay**  
Ity dia maneho ny taorian'ny niresahan'i Jesosy  
tamin'i Nikodemosy. Jereo ny nandikanao ity tao  
amin'ny 2:12.

**Ainona**  
Ity teny ity dia midika hoe "loharano."

**Saleima**  
Tanàna akaikin'ny reniranon'i Jordana

**satria betsaka ny rano tany**  
"satria be loharona ao amin'io toerana io"

**natao batisa**  
DH: "Jaona dia nanao batisa azy ireo" na "izy dia  
nanao batisa azy ireo"

### John 3:25

**Avy eo nisy fifandirana tamin'ny sasany amin'ireo  
mpianatr'i Jaona sy Jiosy iray**  
Afaka atao hoe: "Avy ireo mpianatr'i Jaona sy ilay  
Jiosy nanomboka nifamaly"

**fifandirana**  
fifamaliana mampiasa teny

**indro, manao batisa izy**  
Amin'ity fehezateny ity ny teny hoe: "indro" dia  
baiko midika hoe "mitandrema!" DH: "Indro! Manao  
batisa Izy" na "Tandrema izao! Fa manao batisa izy"

### John 3:27

**Tsy afaka mandray na inona na inona ny olona iray raha  
tsy**  
"Tsy misy olona manana hery raha tsy"

**nomena azy avy any an-danitra izany**  
Eto ny "lanitra" dia nampiasaina hanehoana  
an'Andriamanitra. DH: "Andriamanitra no nanome  
izany ho azy"

**Ianareo ihany**  
Ny "Ianareo" eto dia maneho ireo vahoaka rehetra  
izay resahan'i Jaona. DH: "Ianareo rehetra" na "ny  
rehetra aminareo"

**Nirahina talohany aho**  
DH: "Andriamanitra naniraka ahy mba ho tonga  
alohany"

### John 3:29

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jaona mpanao batisa dia mbola manohy niteny.

**Ny ampakarina dia an'ny mpampakatra**  
Eto ny hoe hoe "ampakarina" sy ny "mpampakatra"  
dia sari-teny. Jesosy dia tahaka ny "mpampakatra"  
ary Jaona dia tahaka ilay naman'ilay  
"mpampakatra."

**Izany, ary, no mameno ny hafaliako**  
DH: "Ka noho izany dia faly be aho" na "Ka dia faly  
be aho"

**hafaliako**  
Ny teny hoe "ahy" dia maneho an'i Jaona mpanao  
batisa, ilay iray izay miteny.

**Tsy maintsy mitombo Izy**  
Ny "Izy" dia maneho an'ilay mpampakatra, Jesosy,  
izay tsy hitsahatra ny hitombo amin'ny  
alehibihazana.

### John 3:31

**Izy izay avy any ambony dia ambonin'ny zava-drehetra**  
"Izy izay avy any an-danitra dia lehibe kokoa noho ny olona rehetra"

**Izy izay avy eto an-tany dia avy eto an-tany ary miresaka momban'ny eto an-tany**  
Jaona dia milaza fa Jesosy dia lehibe noho izy satria avy any an-danitra Izy, ary Jaona dia teraka teto an-tany. DH: "Izy izay teraka teto amin'ity tany ity dia tahaka ny olona rehetra izay miaina eto ary izy dia miresaka ny momban'izay mitranga eto amin'izao tontolo izao"

**Izy izay avy any an-danitra dia ambonin'ny zava-drehetra**  
Ity dia mitovy dika amin'ilay fehezanteny voalohany. Jaona mamerina ity mba ho fanamafisana.

**Izy dia manambara ny momba izay hitany sy reny**  
Jaona dia miresaka momban'i Jesosy. DH: "Ilay avy any an-danitra milaza ny momba izay hitany sy reny tany an-danitra."

**tsy misy mandray ny fanambarany**  
Eto Jaona dia manatombo resaka mba hanamafisana fa olona vitsy ihany no mino an'i Jesosy. DH: "Tena olona vitsy no mino Azy."

**Izy nandray ny fanambarany**  
"Izy rehetra mahatoky izay lazain'i Jesosy"

**dia nanamafy**  
"manaporofa" na "manaiky"

### John 3:34

**Fampifandraisna ny foto-kevitra**  
Tapitra ny resak'i Jaona mpanao batisa.

**Fa ilay iray nirahin'Andriamanitra**  
"Ity Jesosy ity, izay nirahin'Andriamanitra mba hisolo-tena Azy"

**Satria tsy nasiany fetra ny fanomezana ny Fanahy**  
"Fa Izy ilayiray izay nomen'Andriamanitra ny herin'ny Fanahiny rehetra."

**Ray ... zanaka**  
Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**nametraka ny zava-drehetra teo ampelan-tanany**  
Ity dia midika hoe apetraka eo amin'ny heriny sy ny fitondrany.

**hitoeran'ny hatezeran'Andriamanitra**  
DH: "Andriamanitra dia tsy hitsahatra ny hanasazy azy"



## Chapter 4

<sup>1</sup> Ary rehefa fantatr'i Jesosy hoe ren'ireo Fariseo fa nahazo sy nanao batisa mpianatra maro noho Jaona Izy <sup>2</sup> (na dia tsy Jesosy tenany aza no nanao batisa, fa ireo mpianany), <sup>3</sup> dia niala tao Jodia Izy ary niverina nankany Galilia indray. <sup>4</sup> Fa ilainy ny mamakivaky an'i Samaria. <sup>5</sup> Ka dia tonga tao amin'ny tanàna iray ao Samaria Izy, antsoina hoe Sykara, akaikin'ilay ampahan-tany izay nomen'i Jakoba an'i Josefa zanany. <sup>6</sup> Teo ilay fatsakan'i Jakoba. Nahatsiaro sasatra tamin'ny diany Jesosy ka nipetraka teo amin'ilay fatsakana. Tokony teo amin'ny ora fahenina teo. <sup>7</sup> Nisy vehivavy samaritana iray tonga hatsaka rano, ka hoy Jesosy taminy hoe: "Mba omeo rano Aho ho sotroiko." <sup>8</sup> Fa ireo mpianany efa lasa any an-tanàna mba hividry hanina. <sup>9</sup> Avy eo hoy ilay vehivavy samaritana taminy hoe: "Ahoana ianao, izay Jiosy, no mangataka amiko, izay vehivavy samaritana, rano ho sotroina?" Fa ireo Jiosy tsy misy hifandraisana amin'ny Samaritana. <sup>10</sup> Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra, sy izay miteny aminao hoe: 'Omeo aho ho sotroiko,' dia ianao indray no ho nangataka taminy, ka omeny rano velona." <sup>11</sup> Hoy ilay vehivavy taminy hoe: "Tompoko, ianao dia tsy manana fanovozana ary ny fatsakana lalina. Koa aiza no hahazoanao rano velona?" <sup>12</sup> Ianao dia tsy lehibe, moa va, noho Jakoba razambentsika, izay nanome anay ny fatsakana sy nisotro tamin'izany ny tenany, tahaka ny nataon'ireo zanany sy ireo bibiny?" <sup>13</sup> Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Izay rehetra misotro amin'ity rano ity dia mbola hangetaheta indray, <sup>14</sup> fa na iza na iza misotro amin'ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay. Fa kosa, ny rano izay homeko azy dia ho tonga loharano miboiboika ao anatiny, izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay." <sup>15</sup> Hoy ravehivavy taminy hoe: "Tompoko, omeo izany rano izany aho mba tsy hangetaheta sy ho tonga hatsaka eto intsony." <sup>16</sup> Hoy Jesosy tamin-dravehivavy hoe: "Mandehana, antsoy ny vadinao, dia miverena aty." <sup>17</sup> Namaly ilay vehivavy ka niteny taminy hoe: "Tsy manambady aho." Namaly Jesosy hoe: "Marina ny voalazanao hoe: 'Tsy manambady aho,' <sup>18</sup> fa efa nanambady indimpy ianao, ary ilay iray izay hipetrahanao ankehitriny dia tsy mbola vadinao. Marina izay voalazanao." <sup>19</sup> Hoy ravehivavy taminy hoe: "Tompoko, itako fa mpaminany ianao. <sup>20</sup> Ireo razantsika nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity, kanefa ianareo manambara fa Jerosalema no toerana tokony hivavahan'ny olona." <sup>21</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Minoa Ahy, ravehivavy, fa ho avy ny andro izay hideranareo ny Ray ka sady tsy amin'ity an-tendrombohitra ity no tsy any Jerosalema. <sup>22</sup> Fa ianareo miankohoka amin'izay tsy fantatrareo. Izahay kosa miankohoka amin'izay fantatray, satria ny famonjena dia avy amin'ireo Jiosy. <sup>23</sup> Kanefa, ho avy ny andro, ary tonga ankehitriny, rehefa hidera ny Ray amin'ny fanahy sy fahamarinana ireo tena mpivavaka, satria ny Ray dia mitady olona tahaka izany ho mpidera Azy. <sup>24</sup> Andriamanitra dia Fanahy, ary ny olona izay midera Azy dia tsy maintsy midera amin'ny fanahy sy fahamarinana." <sup>25</sup> Hoy ilay vehivavy taminy hoe: "Fantatro fa ho avy ny Mesia (ilay antsoina hoe Kristy). Ary rehefa tonga Izy, dia hanazava amintsika ny zavatra rehetra." <sup>26</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho izay miresaka aminao, no Izy." <sup>27</sup> Tamin'izany fotoana izany dia niverina ireo mpianany. Ary nanontany tena izy ireo hoe nahoana Izy no miresaka amin'ny vehivavy, fa tsy nisy niteny hoe: "Inona no tadiavinao?" na hoe: "Nahoana ianao no miresaka aminy?" <sup>28</sup> Noho izany dia namela ny sininy ravehivavy, ka nandeha niverina tany an-tanàna, ary nilaza tamin'ny olona hoe: <sup>29</sup> "Handeha, hizaha ilay lehilahy izay nilaza ny vitako rehetra. Tsy ho Kristy izany, sa ve Izy?" <sup>30</sup> Dia niala teo an-tanàna izy ireo ka nankeo Aminy. <sup>31</sup> Nandritr'izany, namporisika Azy ireo mpianatra, manao hoe: "Raby, mihinàna." <sup>32</sup> Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izaho dia manana hanin-ko hanina izay tsy fantatrareo." <sup>33</sup> Ka nifampiteny ireo mpianatra hoe: "Tsy nisy olona nitondra zavatra ho hanina ho Azy, sa ve nisy?" <sup>34</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ny sakafoko dia ny manao ny sitrapon'ilay naniraka Ahy ary manao ny asany. <sup>35</sup> Moa ianao tsy milaza hoe: 'Efa-bolana sisa dia ho avy ny fararano?' Lazaiko aminareo, hatopazo ny masonareo dia jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka ary ho jinjaina ireo! <sup>36</sup> Izay minjinja dia mandray karama sy manangona vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, ka hiara-paly ny mpamafy sy ny mpinjinja. <sup>37</sup> Fa amin'izany dia marina ilay teny manao hoe: 'Ny iray mamafy, ary ny iray kosa minjinja,' <sup>38</sup> Naniraka anareo hinjinja izay tsy nisasaranareo Aho. Ireo hafa no nisasatra, ary ianareo no niditra teo amin'izay nisasarany." <sup>39</sup> Maro tamin'ireo samaritana tao amin'izany tanàna izany no nino Azy nohon'ny tatitr'ilay vehivavy izay manambara hoe: "Nolazainy tamiko avokoa izay nataoko rehetra." <sup>40</sup> Ka rehefa nanatona Azy ireo samaritana, dia nangataka Azy mba hijanona hiaraka amin'izy ireo, dia nijanona tao roa andro Izy. <sup>41</sup> Maro hafa no nino nohon'ny teniny. <sup>42</sup> Hoy izy ireo tamin-dravehivavy hoe: "Tsy noho izay voalazanao intsony no hinoanay, fa izahay mihitsy no efa nandre, ary fantatray fa Izy tokoa no ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao." <sup>43</sup> Taorian'ireo roa andro ireo, dia niala avy tao Izy hakany Galilia. <sup>44</sup> Fa Jesosy mihintsy no nanambara fa ny mpaminany dia tsy manan-danja ao amin'ny taniny manokana. <sup>45</sup> Rehefa tonga tao Galilia Izy, dia nandray Azy ireo Galiliana. Izy ireo dia

nahita ny zavatra rehetra izay nataony tao Jerosalema tamin'ny andro firavoravoana, satria nandeha tany amin'ny andro firavoravoana ihany koa izy ireo. <sup>46</sup> Ary tonga tao Kana ao Galilia indray Izy, izay toerana nampodiany ny rano ho divay. Nisy tandapa iray izay nanana zanaka lahy marary tao Kapernaony. <sup>47</sup> Rehefa reny fa avy any Jodia ho any Galilia Jesosy, dia nankeo amin'i Jesosy izy ary nangataka taminy mba hidina ary hanasitrana ny zanany lahy, izay efa ho faty. <sup>48</sup> Avy eo Jesosy nilaza taminy hoe: "Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo, tsy mba hino mihintsy." <sup>49</sup> Hoy ilay tandapa taminy hoe: "Tompoko, midina re mialohan'ny hafatesan'ny zanako." <sup>50</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Mandehàna. Velona ny zanakao." Nino ny teny izay nolazain'i Jesosy taminy ilay lehilahy, ka dia lasa izy. <sup>51</sup> Raha iny izy nidina iny, dia nitsena azy ireo mpanompony, nilaza fa velona ny zanany. <sup>52</sup> Ka nanontany azy ireo ny ora izay nanaretany izy. Namaly azy izy ireo hoe: "Omaly tamin'ny ora fahafito no nialàn'ny tazo taminy." <sup>53</sup> Fantatr'ilay ray avy eo fa tamin'io ora io no nilazan'i Jesosy azy hoe: "Velona ny zanakao." Ka dia nino ny tenany sy ireo ankohonany rehetra. <sup>54</sup> Izany no famantarana faharoa nataon'i Jesosy fony Izy niala tao Jodia ho any Galilia.

### John 4:1

#### Fampahafantarana amin'ny akapobeny

Ity dia fizarana manaraka amin'ny tantara izay mahakasika an'i Jesosy sy ilay vehivavy Samaritana. Ireo andininy ireo dia manome fampahafantarana fototra an'ity fizarana ao amin'ny tantara ity.

#### Ary rehefa fantatr'i Jesosy hoe ren'ireo Fariseo ...Jaona Izy ( na dia ... ireo mpianany),dia niala ... nankany Galilia indray

"Ary Jesosy nahazo ... Jaona (na dia ... ireo mpianany), ary henon'ireo Fariseo ny momban'ny fahombiazana azony. Fantany fa ren'ireo, ka niala ... nakankany Galilia"

#### Ary rehefa fantatr'i Jesosy

Ny teny hoe "Ary" dia nampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny tantatra fototra. Eto Jaona dia manomboka milaza fizarana vaovao amin'ny tantara.

#### tsy Jesosy tenany aza no nanao batisa

Ny hoe "tenany" dia manamafy fa tsy Jesosy no nanao batisa, fa ireo mpianany.

### John 4:4

#### Samaria, Samaritana

Samaria dia anaran'ilay tanàna ary ireo faritra manodidina izany any amin'ny faritra avaratr'Israely. Ilay tanàna dia hita eo anelanelan'ny tany lemak'i Sarôna any andrefana ary ny loharanon'i Jordana any antsinana.

#### Jakoba, Israely

Jakoba dia ilay zandriny amin'ny zanaka kamban'Isaka sy Rebeka

#### Josefa

Josefa dia ilay zanaka faha-12 an'i Jakoba ary zanaka voalohan'ny reniny Rahely

### John 4:6

#### Mba omeo rano Aho

Ity dia fiangaviana mihaja, fa tsy baiko.

#### Fa ireo mpianany efa lasa

Tsy nangataka ireo mpianany hatsaka rano ho Azy Izy satria lasa izy ireo.

### John 4:9

#### Avy eo hoy ilay vehivavy samaritana taminy hoe

Ny teny hoe "taminy" dia maneho an'i Jesosy.

#### Ahoana ianao, izay Jiosy, no mangataka amiko, izay vehivavy samaritana, rano ho sotroina?

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatairan'ilay vehivavy raha nangataka rano taminy Jesosy. DH: "Tsy mampino ahy hoe Ianao, izay Jiosy, no mangataka rano amin'ny Samaritana!"

#### rano velona

Jesosy mapiasa ny sari-teny hoe "rano velona" mba hanehoana ny Fanahy Masina izay miasa ao amin'ny olona mba hanovana sy hitondrana fiainana vaovao.

### John 4:11

#### Ianao dia tsy lehibe, moa va, noho Jakoba razabentsika ... bibiny ?

DH: "Ianao dia tsy lehibe noho Jakoba rainay ... bibiny!"

#### nisotro tamin'izany

"nisotro rano avy tamin'izany"

### John 4:13

#### mbola hangetaheta indray

"mila misotro rano indray"

**ny rano izay homeko azy dia ho tonga loharano miboiboika ao anatiny**

Eto ny teny hoe "loharano" dia sari-teny hilazana ilay rano maha-velona. DH: "Ny rano izay homeko azy dia ho tonga tahaka ny loharano ao aminy."

**fiainana mandrakizay**

Eto ny "fiainana" dia maneho ny "fiainana arapanahy" izay Andriamanitra irery ihany no afaka manome azy.

#### John 4:15

**Tompoko**

Eto amin'ity teny ity, dia miresaka amin'i Jesosy tahaka ny "Tompoko" ilay vehivavy Samaritana, izay teny manome haja sy mapiseho fahalalam-pomba.

**hatsaka**

"haka rano" na "hisitona rano avy ao amin'ny fatsakana" amin'ny alalan'ny siny sy tady

#### John 4:17

**Marina ny voalazanao ... Marina izay voalazanao.**

Jesosy dia namerina izany teny izany mba hanamafisana fa fatany fa ilay vehivavy dia miteny ny marina.

#### John 4:19

**Tompoko**

Eto amin'ity ny teny hoe "Tompoko" dia nampiasain'ilay vehivavy Samaritana mba iresahana amin'i Jesosy tahaka ny "Tompoko", izay teny manome haja sy mapiseho fahalalam-pomba.

**itako fa mpaminany Ianao**

"Izaho dia mahatakatra fa mpaminany Ianao"

#### John 4:21

**Minoa Ahy**

Ny finoana olona dia fanekena fa izay notenenin'io olona io dia marina.

**Fa ianareo miankohoka amin'izay tsy fantatrareo. Izahay kosa miankohoka amin'izay fantatray**

Jesosy dia milaza fa Andriamanitra nanambara ny tenany sy ireo didiny ho an'ny vahoaka Jiosy, fa tsy ho an'ny vahoaka Samaritana. Tamin'ny alalan'ny Soratra Masina ireo vahoaka Jiosy no nahalala hoe Andriamanitra iza no tsara kokoa noho ireo Samaritana.

**hideranareo ny Ray ... satria ny famonjena dia avy amin'ireo Jiosy.**

Ny famonjena mandrakizay amin'ny ota dia avy amin'Andriamanitra ilay Ray, i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo Jiosy.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**satria ny famonjena dia avy amin'ireo Jiosy.**

Tsy midika ity hoe ny vahoaka Jiosy no hanavotra ireo hafa amin'ny otan'izy ireo. Izany dia midika fa Andriamanitra dia nifidy ireo Jiosy mba ho vahoakany voatokana izay hitantara amin'ireo hafa ny mahakasika ny famonjeny. DH: "satria ny olona rehetra dia hahafantatra ny momban'ny famonjen'Andriamanitra noho ireo Jiosy."

#### John 4:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ilay vehivavy samaritana.

**Kanefa, ho avy ny andro, ary tonga ankehitriny, rehefa hidera ny Ray amin'ny fanahy sy fahamarinana ireo tena mpivavaka**

"Kanefa, dia tena fotoan'ny tena mpidera izao"

**ny Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**midera amin'ny fanahy sy fahamarinana**

"derao amin'ny fomba tsara Izy"

#### John 4:25

**Fantatro fa ho avy ny Mesia ... Kristy)**

Ireo teny roa ireo dia mitovy dika hoe "mpanjaka nampanantenain'Andriamanitra."

**hanazava amintsika ny zavatra rehetra**

Ny teny hoe "hanazava ny zavatra rehetra" dia midika hoe izay rehetra tokony ho fantatry ny olona: DH: "Izy dia hiteny antsika ireo zavatra rehetra izay tokony fantarintsika"

#### John 4:27

**Tamin'izany fotoana izany dia niverina ireo mpianany**

"Rehefa avy niteny ity Jesosy, dia niverina nankany an-tanàna ireo mpianany."

**Ary nanontany tena izy ireo hoe nahoana Izy no miresaka amin'ny vehivavy**

Tsy fanaon'ny Jiosy izany miresaka amin'ny vehivavy tsy fatan'izy ireo izany, indrindra fa raha Samaritana ilay vehivavy.

**tsy nisy niteny hoe: "Inona no tadiavinao?" na hoe: "Nahoana Ianao no miresaka aminy?"**

Mety midika hoe: 1) Ireo mpianatra dia nametraka ireo fanontaniana roa ireo tamin'i Jesosy na 2) "Tsy nisy nanontany ilay vehivavy hoe: 'inona no tadiavinao?' na nanontany an'i Jesosy hoe: "Nahoana Ianao no miresaka aminy?"

**John 4:28**

**Handeha, hizaha ilay lehilahy izay nilaza ny vitako rehetra**

Ity dia fanatomboana resaka. Ilay vehivavy Samaritana dia talanjona tamin'i Jesosy ka nino izy fa tsy maintsy fantany daholo ny zavatra rehetra mahakasika azy. DH: "Ndeha hijery ilay lehilahy izay mahafantatra be ny momba ahy, na dia mbola tsy nifankahita Taminy mintsy aza aho!"

**Tsy ho Kristy izany, sa ve Izy?**

Ilay vehivavy tsy tena nahatoky fa Jesosy dia ilay Kristy, ka dia nametraka fanontaniana izy izay miandry hoe "tsia" ny valiny, fa nametraka fanontaniana ihany koa izy raha tokony hanao fanambarana satria tiany hanapa-kevitra ho azy ireo ny olona.

**John 4:31**

**Nandritr'izany**

"Nandritrin'ny nandehanan'ilay vehivavy ho any amin'ny tanàna"

**namporisika Azy ireo mpianatra**

"Ireo mpianatra dia niteny tamin'i Jesosy" na "Ireo mpianatra dia nanohana an'i Jesosy"

**Izaho dia manana hanin-ko hanina izay tsy fantatrareo**

Eto Jesosy dia tsy miresaka momban'ny "sakafo" ara-bakiteny, fa manomana ireo mpianany ho amin'ny lesona ara-panahy.

**Tsy nisy olona nitondra zavatra ho hanina ho Azy, sa ve nisy?**

Ireo mpianatra dia nieritreritra fa "sakafo" ara-bakiteny no notenen'i Jesosy. Nanomboka nifanontany ity fanontaniana ity izy ireo, nanantena valiny hoe "tsia." DH: "Azo antoka fa tsy nisy olona nitondra hanina ho Azy tamintsika tany an-tanàna!"

**John 4:34**

**Ny sakafoko dia ny manao ny sitrapon'ilay naniraka Ahy ary manao ny asany**

Eto ny "sakafo" dia sari-teny hilazana hoe: "mankatoa ny sitrapon'Andriamanitra." DH: "Tahaka ny hamokisan'ny sakafo ny olona noana, no hamokisan'ny fankatoavana ny sitrapon'Andriamanitra Ahy."

**Moa Ianao tsy milaza hoe**

"Izany ve tsy iray amin'ilay fiteninaho hoe"

**hatopazo ny masonareo dia jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka ary ho jinjaina ireo**

Ny teny hoe "saha" sy ny "masaka ary ho jinjaina" dia sari-teny. Ny "saha" dia maneho ireo vahoaka tsy Jiosy na Jentilisa. Ny teny hoe "masaka ary ho jinjaina" dia midika hoe vonona ny handray ny hafatr'i Jesosy ireo Jentilisa, tahaka ny saha izay vonona ho jinjaina. DH: "Hatopazo ny masonareo

dia jereo ireo vahoaka tsy Jiosy! Efa vonona ny handray ny hafatra izy ireo, tahaka ireo vokatra izay eny an-tsaha izay efa vonona ny ho jinjain'ny olona.

**Izay minjinja dia mandray karama sy manangona vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay**

Jesosy dia manondro fa misy valisoa ho an'ireo "asa eny an-tsahany" sy fizarana ny hafatrany. Izay mandray ny hafany dia handray ny fiainana mandrakizay izay omen'Andriamanitra.

**John 4:37**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**Ny iray mamafy, ary ny iray kosa minjinja**

Ny teny hoe "mamafy" na "minjinja" dia sari-teny. Izay "mamafy" dia mizara ny hafatr'i Jesosy. Ary izay "mijinja" dia manampy ireo olona handray ny hafatr'i Jesosy. DH: "ny olona iray no mamboly ny voa, ary ny iray kosa mijinja ny vokatra."

**ianareo no niditra teo amin'izay niasarany**

"izao ianareo dia mitambatra ao amin'ny asan'izy ireo"

**John 4:39**

**nino Azy**

Ny hoe "finoana" olona dia midika hoe "mahatoky" izany olona izany. Eto izany dia midika koa hoe nino izy ireo fa Izy no Zanak'Andriamanitra.

**Nolazainy tamiko avokoa izay nataoko rehetra**

Ity dia fanatomboana resaka. Talonjana tamin'i Jesosy ilay vehivavy ka nahatsapa fa efa fantany daholo ny rehetra mahakasika azy. DH: "Izy dia niteny zavatra maro mahakasika ny fiainako."

**John 4:41**

**ny teniny**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra izay nambaran'i Jesosy. DH: "ny hafany"

**izao tontolo izao**

Ny teny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra izay miaina eto ambonin'ny tany. DH: "Ny olona rehetra maneran-tany."

**John 4:43**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara izay nandehanan'i Jesosy tany Galilia ary nanasitrana zazalahy iray. Ny andininy faha-44 dia manome antsika fampahafantarana fototra momban'ny zavatra nolazain'i Jesosy teo aloha.

**avy tao**

avy tao Jodia

**ny mpaminany dia tsy manan-danja ao amin'ny taniny manokana**

"Ny olona dia tsy mampiseho haja na voninahitra amin'ny mpaminany ao amin'ny taniny" na "Ny mpaminany dia tsy hajain'ny mponina ao amin'ny fiaraha-moniny manokana"

**tamin'ny andro firavoravoana**

Eto ny firavoravoana dia ny Paska.

#### **John 4:46**

**Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny tantara fototra sy hidirana amin'ny fizarana vaovaon'ny tantara. Raha manana fomba hanaovana izany ny fiteninao, dia hampiasao eto izany.

**tandapa**

Olona miara-miasa amin'ny mpanjaka

#### **John 4:48**

**Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo, tsy mba hino mihintsy**

DH: "Rehefa mahita fahagagana ihany ianareo vao hino."

**Nino ny teny**

Eto ny "teny" dia maneho ilay hafatra izay nolazain'i Jesosy. DH: "nino ilay hafatra"

#### **John 4:51**

**Raha iny**

Ity teny ity dia nampiasaina mba hanamarihana tranga roa izay miara-miseho amin'ny fotoana iray. DH: "Raha iny andeha hody iny ilay tandapa, dia nanatona azy teny an-dalana ireo mpanompony.

#### **John 4:53**

**famantarana**

Ny fahagagana koa dia azo atsoina hoe "famantarana" satria izany dia nampiasana mba ho porofo fa Andriamanitra dia ilay mahery indrindra izay manana fahefana tanteraka eto amin'izao tontolo izao.

## Chapter 5

<sup>1</sup> Taorian'izany dia nisy firavoravoan'ny Jiosy, ary niakatra ho any Jerosalema Jesosy. <sup>2</sup> Ary tany Jerosalema eo akaikin'ny vavahadin'ondry, dia nisy farihy, izay natsoina tamin'ny Hebreo hoe Betesda, ary misy fialofana dimy izany. <sup>3</sup> Maro ireo olona marary, jamba, malemy, na tsy afa-mihetsika natory tao. <sup>4</sup><sup>5</sup> Ary nisy lehilahy anankiray teo izay efa narary valo amby telo-polo taona. <sup>6</sup> Rehefa hitan'i Jesosy nandry teo izy, sy taorian'ny nahatsapany fa efa an-taona maro izy no teo, dia hoy Izy taminy hoe: "Te-ho sitrana ve ianao?" <sup>7</sup> Namaly ilay lehilahy marary hoe: "Tompoko, tsy manana na iza na iza aho handroboka ahy ao anaty farihy rehefa mihetsika ny rano. Rehefa mandeha aho, dia misy misosoka eo alohako." <sup>8</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Mitsangàna, ento ny fandrianao, ka mandehana." <sup>9</sup> Avy hatrany dia sitrana ilay lehilahy, ka noraisiny ny fandriany dia nandeha izy. Ary Sabata izay andro izay. <sup>10</sup> Dia hoy ireo Jiosy tamin'ilay sitrana hoe: "Sabata ny andro dia tsy mahazo mitondra ny fandrianao ianao". <sup>11</sup> Namaly izy hoe: "Ilay nanasitrana ahy no niteny tamiko hoe: 'Ento ny fandrianao ka mandehana.'" <sup>12</sup> Ary nanontany azy izy ireo hoe: "Iza ilay lehilahy niteny taminao hoe: 'Ento ny fandrianao ka mandehana'?" <sup>13</sup> Kanefa, ilay sitrana tsy nahalala Azy satria niala moramora Jesosy fa nisy vahoaka teo an-toerana. <sup>14</sup> Nony avy eo, hitan'i Jesosy tao an-tempoly izy ka hoy Izy taminy hoe: "Indro, sitrana ianao! Aza manota intsony, mba tsy hitranga aminao ny zavatra ratsy noho ny teo." <sup>15</sup> Avy eo dia lasa ralehilahy ka nitatitra tamin'ireo Jiosy fa Jesosy no nanasitrana azy. <sup>16</sup> Ary noho ireo zavatra ireo dia nanenjika an'i Jesosy ireo Jiosy, satria nanao ireo zavatra ireo tamin'ny Sabata Izy. <sup>17</sup> Ary namaly azy ireo Jesosy hoe: "Ny Raiko dia miasa eny fa na ankehitriny aza, ary Izaho, ihany koa, dia miasa." <sup>18</sup> Noho izany, dia vao maika nitady hamono Azy ireo Jiosy tsy nohon'ny faniratsirany ny Sabata ihany, fa ny niantsoany an'Andriamanitra ihany koa hoe Rainy manokana, manao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra. <sup>19</sup> Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray ihany, fa na inona na inona ataon'ny Ray, dia ataon'ny Zanaka ihany koa ireo zavatra ireo. <sup>20</sup> Fa ny Ray tia ny Zanaka ka nampiseho azy ny zavatra rehetra izay nataon'ny tenany, ary hampiseho azy zavatra lehibe mihoatra noho ireo Izy mba ho gaga ianareo. <sup>21</sup> Fa tahaka ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany ihany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany. <sup>22</sup> Fa ny Ray dia tsy mitsara na iza na iza, fa nomeny ny Zanaka ny fitsarana rehetra <sup>23</sup> mba hanajan'ny rehetra ny Zanaka tahaka ny hanajan'izy ireo ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ilay Ray naniraka Azy. <sup>24</sup> Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa izay mandre ny teniko sy mino izay naniraka Ahy dia manana ny fiainana mandrakizay ka tsy ho helohina, fa niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy. <sup>25</sup> Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa avy ny ora, ary tonga izany ankehitriny, rehefa handre ny feon'ny Zanak'Andriamanitra ny maty, ary ho velona ireo izay mandre. <sup>26</sup> Fa tahaka ny Ray manana fiainana ao Aminy, no nanomezana ny zanaka ihany koa mba hananany fiainana ao Aminy, <sup>27</sup> ary nomen'ny Ray fahefana hitsara ny Zanaka noho Izy Zanak'olona. <sup>28</sup> Aza gaga amin'izany, fa avy ny andro handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony <sup>29</sup> ka hivoaka: ireo izay nanao ny tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho amin'ny fiainana, fa ireo izay nanao ny ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho amin'ny fitsarana. <sup>30</sup> Tsy afaka manao na inona na inona raha Izaho ihany. Araka izay reko, no itsarako, ary ny fitsarako dia marina satria tsy mitady ny sitrapoko manokana Aho fa ny sitrapon'Izy izay naniraka Ahy. <sup>31</sup> Raha tokony hanambara ny momban'ny tenako Aho, dia tsy marina ny fanambarako. <sup>32</sup> Misy iray hafa izay manambara ny momba Ahy, ary fantatro fa marina ny fanambarana izay lazainy momba Ahy. <sup>33</sup> Nirahina tany amin'i Jaona ianareo, ary nanambara ny marina izy. <sup>34</sup> Kanefa ny fanambarana izay raisiko dia tsy avy amin'ny olona. Milaza izany zavatra izany Aho mba mety ho voavonjy ianareo. <sup>35</sup> Jaona dia jiro nirehitra sy nanazava, ary ianareo naniry ny hifaly vetivety tao amin'ny fahazavany. <sup>36</sup> Kanefa ny fanambarako dia mbola lehibe noho ny an'i Jaona, fa ireo asa nomen'ny Ray ho tanterahiko, ireo asa izay ataoko ireo, no manambara ny momba Ahy fa nirahin'ny Ray Aho. <sup>37</sup> Ny Ray Izay naniraka Ahy mihintsy no nanambara Ahy. Tsy mbola nandre ny feony na nahita ny tavany ianareo. <sup>38</sup> Ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino ilay nirahiny ianareo. <sup>39</sup> Mitady ny Soratra Masina ianareo satria heverinareo fa ao amin'ireo no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireo Soratra Masina ireo ihany no manambara momba Ahy, <sup>40</sup> kanefa tsy vonona ny hanatona Ahy ianareo mba hanananareo fiainana. <sup>41</sup> Tsy mandray laza avy amin'ny olona Aho, <sup>42</sup> satria fantatro fa tsy misy fitiavana an'Andriamanitra ao aminareo. <sup>43</sup> Tonga amin'ny anaran'ny Raiko Aho, nefa tsy raisinareo. Raha misy hafa tonga amin'ny anarany manokana, dia ho raisinareo izy. <sup>44</sup> Ahoana no hinoanareo, ianareo izay mandray laza avy amin'ny olon-kafa kanefa tsy mitady ny laza izay avy amin'Andriamanitra tokana? <sup>45</sup> Aza mieritreritra hoe Izaho no hiampana anareo anatrehan'ny Ray. Ilay iray miampana anareo dia Mosesy,

izay nametrahanareo ny fanantenanareo. <sup>46</sup> Raha nino an'i Mosesy ianareo dia tokony hino Ahy, satria nanoratra ny momba Ahy izy. <sup>47</sup> Raha tsy mino ireo nosoratany ianareo, dia ataonareo ahoana no hino ny teniko?

---

## Footnotes

---

5:3 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha tsara indrindra dia manala ny fehezanteny hoe: "Miandry ny fihetsehin'ny rano"

5:4 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha tsara indrindra dia manala ny and. 4 hoe: "Fa nisy anjelin'ny Tompo iray nidina ka nampihetsika ny rano indraindray ary na iza na iza nandroso nankao rehefa nihetsika ny rano dia sitrana tamin'ireo aretina izay namparary azy na inona na inona."

---

### John 5:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity ny fizarana manaraka ao amin'ny tantara, izay niakaran'i Jesosy tao Jerosalema ka nanasitrana lehilahy iray. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fizotry ny tantara.

#### Taorian'izany

Ity dia maneho ny taorian'ny nanasitrana'i Jesosy ny zanak'ilay tandapa.

#### nisy firavoravoan'ny Jiosy

"Ireo Jiosy dia nankalaza fety"

#### niakatra ho any Jerosalema

Eny an-tampon-kavoana no misy an'i Jerosalema. Ny lalana mankany Jerosalema dia miakatra sy midina amin'ny havoana kely.

#### farihy

Ity dia lavaka eo amin'ny tany izay fenon'ny olona rano. Indraindray asian'izy ireo vato ny sisiny.

#### Betesda

Ny "Betesda" dia midika hoe tranon'ny famindram-po.

#### fialofana

Efitra iray misy rindrina telo fotsiny dia misy tafo eo amboniny

### John 5:5

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha 5 dia mampiditra ilay lehilahy nandry teo akaikin'ilay farihy ho ao anatin'ny tantara.

#### teo

"teo amin'ilay farihin'i Betesda" (5:1)

#### valo amby telo-polo taona

38 taona

#### nahatsapany

"nahazony" na "nahitany"

#### hozy Izy taminy

"Jesosy niteny tamin'ilay lehilahy voan'ny paralisisa"

### John 5:7

#### Tompoko, tsy manana

Eto ny teny hoe "tompoko" dia marikin'ny fanajana olona.

#### rehefa mihetsika ny rano

DH: "Rehefa ahetsiky ny anjely ny rano"

#### ao anaty farihy

Ity dia lavaka eo amin'ny tany izay fenon'ny olona rano. Indraindray asian'izy ireo vato ny sisiny. Jereo ny nandikanao ny "farihy" tao amin'ny 5:1.

#### misy misosoka eo alohako

"misy olona hafa foana miditra alohako ao anatin'ny farihy."

#### ento ny fandrianao, ka mandehana

"alaivo ny fatorianao, dia mandehana"

### John 5:9

#### sitrana ilay lehilahy

"lasa salama indray ilay ralehilahy"

#### Ary Sabata izay andro izay

"Ary izany andro izany dia andro fitsaharan' Andriamanitra"

#### Ary

Ny "Ary" dia nampiasaina eto mba hisintonana ny saina ho an'ny amin'ny fampahafantarana fototra. Izany dia manamafy ny zava-misy hoe tamin'ny andro Sabata ity tranga ity no niseho.

**John 5:10****Dia hoy ireo Jiosy tamin'ilay sitrana**

Ireo Jiosy (indrindra fa ireo mpitarika ireo Jiosy) dia tezitra raha nahita ilay lehilahy nitondra ny fandriany tamin'ny andro Sabata.

**Sabata ny andro**

"andro fitsaharan'Andriamanitra izany"

**Ilay nanasitrana ahy**

"Ilay lehilahy izay nahasitrana ahy"

**John 5:12****Ary nanontany azy izy ireo hoe**

"Ireo mpitarika Jiosy nanontany ilay lehilahy sitrana"

**John 5:14****hitan'i Jesosy...izy**

"Hitan'i Jesosy ilay lehilahy izay nositrany"

**Indro**

Ny teny hoe "indro" dia nampiasaina eto mba hisintonana ny saina amin'ny teny manaraka eo.

**John 5:16****Ary**

Ny "Ary" dia manamarika ny fehi-tenin'i Jaona mahakasika ny toetran'ireo mpitarika Jiosy manoloana an'i Jesosy.

**miasa**

Ity dia manaeho hoe manao asa, ao anatin'izany ny zavatra rehetra izay natao mba hanompoana olona hafa.

**ireo Jiosy**

Eto ny teny hoe "ireo Jiosy" dia maneho ireo "Jiosy mpitarika." DH: "ireo Jiosy mpitarika"

**manao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra**

"miteny fa Izy dia tahaka an'Andriamanitra" na "miteny fa Izy dia manana fahefana lehibe tahaka an'Andriamanitra"

**Ny Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**John 5:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo mpitarika Jiosy.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**ho gaga ianareo**

"ho talanjona ianareo" na "ho hankina ianareo"

na inona na inona ataon'ny Ray, dia ataon'ny Zanaka ihany koa ireo zavatra ireo. Fa ny Ray tia ny Zanaka Jesosy, amin'ny maha Zanak'Andriamanitra Azy, dia nanaraka sy nankàtoa ny fitondran'ny Ray eto antany, satria Jesosy nahafantatra fa ny Ray dia tia Azy.

**Zanaka ... Ray**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

**tia**

Ny karazana fitiavana izay avy amin' Andriamanitra dia mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy manome tombony anao aza izany. Andriamanitra tenany dia fitiavana ary fototry ny fitiavana marina.

**John 5:21**

**Fa tahaka ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany ihany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany**

Ny teny hoe "Fa tahaka" dia manamarika fahampitahana. Ny Zanak' Andriamanitra (Andriamanitra ilay Zanaka) dia manome fiainana tahaka an'Andriamanitra ilay Ray manome fiainana.

**Ray ... Zanaka**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

**mamelona**

Ity dia maneho ny "fiainana ara-panahy."

**Fa ny Ray dia tsy mitsara na iza na iza, fa nomeny ny Zanaka ny fitsarana rehetra**

Ny teny hoe "Fa" dia manamarika fampitahana. Ilay Zanak'Andriamanitra dia mitondra ny fitsarana ho an'Andriamanitra ilay Ray.

**mba hanajan'ny rehetra ny zanaka ... ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ilay Ray**

Andriamanitra Zanaka dia tsy maintsy hajaina sy deraina tahaka an'Andriamanitra Ray. Raha tsy vitantsika ny manaja an'Andriamanitra Zanaka, dia tsy vitantsika koa ny manaja an' Andriamanitra Ray.

**John 5:24****marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**izay mandre ny teniko**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatr'i Jesosy. DH: "Na iza na iza mandre ny hafatro"

**tsy ho helohina**

DH: "tsy ho meloka"



**John 5:25****marina, dia marina tokoa**

Adikao amin'ny fomba hanamafisan'ny teninao ity fa izay manaraka eo dia manan-danja sy marina. Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 1:49.

**handre ny feon'ny Zanak'Andriamanitra ny maty, ary ho velona ireo izay mandre**

Ny feon'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia hanangana ny olona maty avy ao am-pasana.

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**John 5:26****Fa tahaka ny Ray manana fiainana ao Aminy, no nanomezana ny zanaka ihany koa mba hananany fiainana ao aminy**

Ny teny hoe "Fa" dia manamarika fampitahana. Ilay Zanak'Andriamanitra dia manana ny hery hanome fiainana, tahakan'ny ataon'ny Ray.

**Ray ... Zanak'Oloha**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin' Andriamanitra sy Jesosy.

**fiainana**

Ity dia midika hoe fiainana ara-panahy.

**nomen'ny Ray fahefana hitsara ny Zanaka**

Ilay Zanak'Andriamanitra dia manana ny fahefan'Andriamanitra Ray hitsara.

**John 5:28****Aza gaga amin'izany**

Ny "Izany" dia maneho ny zava-misy fa Jesosy, amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, dia mananan ny hery hanome fiainana mandrakizay sy hitondra ny fitsarana.

**handrenesana ... ny feony**

"Handrenesana ny feoko"

**John 5:30****ny sitrapon'Izy izay naniraka Ahy**

Ny teny hoe "Izy" dia maneho an'Andriamanitra Ray.

**Misy iray hafa izay manambara ny momba Ahy**

"Misy olona hafa izay manambara amin'ny olona ny momba Ahy"

**hafa**

Andriamanitra no tiana lazaina eto.

**marina ny fanambarana izay lazainy momba Ahy**

"Izay lazainy amin'ny olona momba Ahy dia marina"

**John 5:33****ny fanambarana izay raisiko dia tsy avy amin'ny olona**

"Izaho dia tsy mila fanambarana avy amin'ny olona"

**mba mety ho voavonjy ianareo**

DH: "mba ho afaka hanavotra anareo Andriamanitra"

**Jaona dia jiro nirehitra sy nanazava**

Eto ny "jiro" dia sari-teny. Jaona dia maneho ny fahamasinan'Andriamanitra tahaka ny jiro manome hazavana. DH: "Jaona dia tahaka ny jiro izay irehetra sy nanazava "

**John 5:36****ireo asa nomen'ny Ray ho tanterahiko ... fa nirahin'ny Ray Aho**

Andriamanitra Ray dia naniraka an'Andriamanitra Zanaka, Jesosy, tety an-tany. Jesosy dia manantanteraka izay nomen'ny Ray Azy ho atao.

**Ny Ray Izay naniraka Ahy mihintsy no nanambara**

Ny "mihintsy" dia manamafy fa ny Ray tenany no nanambara, fa tsy olona hafa tsy manan-danja.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**ireo asa izay ataoko ireo, no manambara ny momba Ahy**

Eto Jesosy dia miteny fa ireo fahagagana dia "manambara" na "mitantara ny olona" ny momba Azy. DH: "Izay ataoko dia mampiseho amin'ny olona fa Andriamanitra no naniraka Ahy"

**Ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino ilay nirahiny ianareo**

"Ianareo dia tsy mino ilay iray izay nirahiny. Izany no hahafantarako fa ianareo dia tsy manana ny teniny mitoetra ao aminareo"

**mitoetra ao anatinareo**

"miaina ao aminareo"

**John 5:39****ao amin'ireo no anananareo fiainana mandrakizay**

"Hahita ny fiainana mandrakizay ianareo raha mamaky ireo" na "ny Soratra Masina dia hiteny anareo hoe ahoana ny afahanareo mahazo ny fiainana mandrakizay"

**tsy vonona ny hanatona Ahy ianareo**

"Ianareo dia minia tsy mino ny hafatro"

**John 5:41****mandray**

"manaiky"

**fa tsy misy fitiavana an'Andriamanitra ao aminareo**

Ity dia afaka midika hoe: 1) "Tena tsy tia an'Andriamanitra ianareo" na "tena tsy nandray ny fitiavan'Andriamanitra ianareo"

**John 5:43****amin'ny anaran'ny Raiko**

Eto ny teny hoe "anarana" dia manamarika ny hery sy fahefan'Andriamanitra. DH: "Izaho dia tonga miaraka amin'ny fahefan'ny Raiko"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an' Andriamanitra.

**mandray**

"manaiky"

**Raha misy hafa tonga amin'ny anarany manokana**

Ny teny hoe "anarana" dia maneho ny fahefana. DH: "Raha misy hafa tonga amin'ny fahefany manokana"

**Ahoana no hinoanareo, ianareo izay mandray laza ... amin'Andriamanitra tokana?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Tsy misy

fomba afahanareo mino satria ianareo dia mandray laza ... amin'Andriamanitra tokana!"

**hinoanareo**

Ity dia midika hoe mahatoky an'i Jesosy.

**John 5:45****Ilay iray miampanga anareo dia Mosesy ... ny****fanantenanareo**

"Mosesy" eto dia midika hoe ny lalàna mihintsy. DH: "Mosesy dia miampanga anareo amin'ny lalàna, ilay tena lalàna izay nametrahanaareo ny fitokianaareo."

**ny fanantenanareo**

"ny fahatokisanareo"

**Raha tsy mino ireo nosoratany ianareo, dia ataonareo****ahoana no hino ny teniko?**

Ity fanamarihana ity miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Tsy mino ireo nosoratany ianareo, noho izany dia tsy hino ireo teniko mihintsy!"

**ny teniko**

"Izay lazaiko"

## Chapter 6

<sup>1</sup> Taorian'ireo zavatra ireo, dia lasa niampita ny ranomasin'i Galilia Jesosy, antsoina ihany koa hoe ranomasin'i Tiberiasy. <sup>2</sup> Nisy vahoaka maro nanaraka Azy satria hitan'izy ireo ny famantarana izay nataony tamin'ireo narary. <sup>3</sup> Niakatra an-tendrimbohitra Jesosy ary nipetraka teny niaraka tamin'ireo mpianany Izy. <sup>4</sup> (Ary ny Paska, ilay andro firavoravoan'ny Jiosy, dia efa akaiky.) <sup>5</sup> Rehefa nijery ambony Jesosy ka nahita vahoaka maro be nanatona Azy, dia hoy Izy tamin'i Filipo hoe: "Aiza no hividianantsika mofo mba hafahan'izy ireo mihinana?" <sup>6</sup> (Fa Jesosy niteny izany mba hitsapana an'i Filipo, fa efa fantany izay ho ataony.) <sup>7</sup> Ary Filipo namaly Azy hoe: "Na dia mofo roanjato dinaria aza tsy ho ampy ho an'ny tsirairay na dia kely avy aza." <sup>8</sup> Iray tamin'ireo mpianatra, Andrea, rahalahin'i Simona Petera, nilaza tamin'i Jesosy hoe: <sup>9</sup> "Misy lehilahy iray eto manana mofo dimy sy hazandrano roa, fa inona ireo manoloana ireto olona maro?" <sup>10</sup> Ary Jesosy nilaza hoe: "Asaivo mipetraka ny olona" (Ary feno ahitra teo amin'ilay toerana.) Ka dia nipetraka ireo olona, teo amin'ny dimy arivo teo ny isany. <sup>11</sup> Avy eo Jesosy naka ireo mofo ka rehefa avy nisaotra, dia nizara izany tamin'ireo izay nipetraka teo. Tahaka izany ihany koa no nataony tamin'ny hazandrano, maro araka izay nilain'izy ireo. <sup>12</sup> Rehefa voky ny olona, dia hoy Izy tamin'ireo mpianany hoe: "Angony ireo sombintsombiny tavela, mba tsy hisy ho very." <sup>13</sup> Ka dia nanganonin'izy ireo izany ka nahafeno harona roa ambin'ny folo ny sombintsombina mofo dimy sisa navelan'ireo nihinana. <sup>14</sup> Avy eo, rehefa nahita izany famantarana nataony izany ny olona, dia hoy izy ireo hoe: "Ity tokoa ilay mpaminany izay tonga ho ety amin'izao tontolo izao." <sup>15</sup> Rehefa hitan'i Jesosy fa ho avy izy ireo haka Azy sy hanandratra Azy an-keriny ho mpanjaka, dia niverina teny an-tendrimbohitra irery indray Izy. <sup>16</sup> Rehefa ariva ny andro, dia nidina teny amin'ny ranomasina ireo mpianany. <sup>17</sup> Nankao anaty sambokely izy ireo, ka niampita ny ranomasina ho any Kapernaomy. Efa maizina tamin'izay, ary Jesosy mbola tsy tonga teo amin'izy ireo ihany. <sup>18</sup> Nisy rivotra nitsoka mafy, ary niha-nahery ny ranomasina. <sup>19</sup> Rehefa nivoy teo amin'ny dimy amby roapolo na telopolo stadio teo izy ireo, dia nahita an'i Jesosy nandeha teo amin'ny ranomasina ary nanakaiky ny sambokely, ka dia natahotra izy ireo. <sup>20</sup> Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izao ihany ity! Aza matahotra." <sup>21</sup> Avy eo dia vonona ny handray Azy tao amin'ilay sambokely izy ireo, ary teo no eo dia tonga teny amin'ilay toerana alehan'izy ireo ilay sambokely. <sup>22</sup> Ny ampitso, hitan'ireo vahoaka izay nitsangana teny ampitan'ny ranomasina fa tsy nisy sambokely hafa teo afa-tsy ilay iray ihany, ary Jesosy tsy niditra tao niaraka tamin'ireo mpianany fa nandeha irery ireo mpianany. <sup>23</sup> Kanefa, nisy sambokely maromaro avy any Tiberiasy teo akaikin'ilay toerana izay nihinanan'izy ireo ny mofo rehefa avy nisaotra ny Tompo. <sup>24</sup> Rehefa hitan'ny vahoaka fa tsy teo na Jesosy na ireo mpianany, dia niditra tao anaty sambokely izy ireo ary nakeny Kapernaomy hitady an'i Jesosy. <sup>25</sup> Rehefa hitan'izy ireo teny ampitan'ny renirano Izy, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Raby, oviana Ianao no tonga teto?" <sup>26</sup> Jesosy namaly azy ireo, nanao hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa mitady Ahy ianareo, tsy nohon' ny nahitanareo famantarana, fa nohon'ny nihinanareo ny mofo ka voky. <sup>27</sup> Aza miasa ho an'ny hanina mety levona, fa miasa ho an'ny hanina izay maharitra ho an'ny fiainana mandrakizay izay homen'ny Zanak'Olona anareo, satria Andriamanitra Ray no nanisy tombo-kase taminy." <sup>28</sup> Avy eo dia hoy izy ireo taminy hoe: "Inona no tsy maintsy hataonay, mba hanaovanay ireo asan' Andriamanitra?" <sup>29</sup> Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Izao no asan'Andriamanitra: dia ny hinoanareo ilay iray izay nirahiny." <sup>30</sup> Ka hoy izy ireo taminy hoe: "Inona ary no famantarana ho ataoano, mba hahitanay sy hinoanay anao? Inona no ho ataonao?" <sup>31</sup> Ny raibenay nihinana ny mana tany an'efitra, araky ny voasoratra hoe: 'Nomeny mofo avy any an-danitra izy ireo hoanina.'" <sup>32</sup> Avy eo Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa tsy Mosesy no nanome anareo ny mofo avy any an-danitra, fa ny Raiko no manome anareo ny tena mofo avy any an-danitra. <sup>33</sup> Satria ny mofon'Andriamanitra dia ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an'izao tontolo izao." <sup>34</sup> Ka hoy izy ireo taminy hoe: "Tompoko, omeo anay mandrakariva izany mofo izany." <sup>35</sup> Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho no mofon'ny fiainana; izay manatona Ahy tsy mba ho noana intsony, ary izay mino Ahy tsy hangetaheta intsony. <sup>36</sup> Kanefa efa nolazaiko taminareo fa nahita Ahy ihany ianareo, nefa tsy mino. <sup>37</sup> Ny rehetra izay omen'ny Raiko Ahy dia hanatona Ahy, ary izay manatona Ahy dia tsy mba ho ariako. <sup>38</sup> Fa nidina avy any an-danitra aho, tsy mba hanao ny sitrapoko manokana, fa ny sitrapon'Izy izay naniraka Ahy. <sup>39</sup> Ary izao no sitrapon'Izy izay naniraka Ahy, dia ny tsy hanariako izay rehetra nomeny Ahy, fa hanangana azy ireo amin'ny andro farany. <sup>40</sup> Satria izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny mba hahazoan'ny rehetra izay mahita ny Zanaka sy mino Azy ny fiainana mandrakizay ary ho hatsangako amin'ny andro farany izy. <sup>41</sup> Avy eo nimonomonona momba Azy ireo Jiosy satria Izy nilaza hoe: "Izaho no mofo nidina avy any an-danitra." <sup>42</sup> Ary hoy izy ireo hoe: "Tsy ilay Jesosy zanak'i Josefa ve io, izay fantatsika ny ray aman-dreniny? Ahoana ary no ilazany hoe: 'Nidina avy any an-danitra Aho'?" <sup>43</sup> Jesosy namaly ka nanao

tamin'izy ireo hoe: "Ajanony ny fimonomononana eo anivonareo. <sup>44</sup> Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy ny Ray izay naniraka Ahy no mitaona azy, ary ho hatsangako izy amin'ny andro farany. <sup>45</sup> Izany dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny mpaminany hoe: 'Hampianarin'Andriamanitra izy rehetra.' Izay rehetra nandre sy nianatra tamin'ny Ray no manatona Ahy. <sup>46</sup> Tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra, izy no nahita ny Ray. <sup>47</sup> Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa izay mino no manana fiainana mandrakizay. <sup>48</sup> Izaho no mofon'ny fiainana. <sup>49</sup> Ny Raibenareo nihinana ny mana tany an'efitra, ary maty izy ireo. <sup>50</sup> Ity no mofo nidina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana amin'izany. <sup>51</sup> Izaho no mofo velona nidina avy any an-danitra. Raha misy olona mihinana amin'ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy. Ny mofo izay homeko no nofoko ho an'ny fiainan'izao tontolo izao." <sup>52</sup> Niha-tezitra ireo Jiosy ka nanomboka niady hevitra, nanao hoe: "Ahoana no afahan'io lehilahy io manome antsika ny nofony hoanina?" Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: <sup>53</sup> "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'Olona ianareo sy misotro ny ràny, dia tsy hanana fiainana ao aminareo. <sup>54</sup> Na iza na iza mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko dia manana fiainana mandrakizay, ary hatsangako izy amin'ny andro farany. <sup>55</sup> Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny ràko no tena fisotro. <sup>56</sup> Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko no mitoetra ao Amiko, ary Izaho ao aminy. <sup>57</sup> Tahaka ny nanirahan'ny Ray velona Ahy, sy tahaka ny hivelomako nohon'ny Ray, izay mihinana Ahy, dia ho velona ihany koa nohon'ny Amiko. <sup>58</sup> Ity ilay mofo nidina avy any an-danitra, tsy tahaka ny Raibe nihinana ka maty. Izay mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay." <sup>59</sup> Fa Jesosy nilaza ireo zavatra ireo tao amin'ny synagoga rehefa nampianatra tao Kapernaomy Izy. <sup>60</sup> Ary maro tamin'ireo mpianany izay nandre izany no nilaza hoe: "Fampianarana sarotra izany; iza no afaka anaiky izany?" <sup>61</sup> Jesosy, noho Izy nahalala tao aminy fa nimonomonona tamin'izany ireo mpianany, nilaza azy ireo hoe: "Manafitohina anareo ve izany? <sup>62</sup> Koa ahoana raha tokony hahita ny Zanak'Olona miakatra any amin'ny nitoerany taloha ianareo? <sup>63</sup> Ny Fanahy no manome fiainana; ny nofo tsy ahazoana na inona na inona. Ireo teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy, ary fiainana ireo. <sup>64</sup> Mbola misy sasany aminareo tsy mino." Fa Jesosy efa nahalala hatramin'ny voalohany izay tsy hino sy izay hamadika Azy. <sup>65</sup> Hoy Izy hoe: "Noho izany no nilazaiko taminareo fa tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy nomen'ny Ray Azy izany." <sup>66</sup> Noho izany, maro tamin'ireo mpianany no lasa ary tsy niara-dia taminy intsony. <sup>67</sup> Dia hoy Jesosy tamin'ireo roa ambin'ny folo hoe: "Tsy te-andeha koa ve ianareo, sa tsia?" <sup>68</sup> Ary Simona Petera namaly Azy hoe: "Tampo, ho any amin'iza moa izahay? Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay, <sup>69</sup> ary nino izahay ka manatona mba hahalala fa Ianao no ilay Masin'Andriamanitra." <sup>70</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy Izaho ve no nifidy anareo, roa ambin'ny folo, ary ny iray aminareo dia devoly?" <sup>71</sup> Ary Jodasy zanak'i Simona Iskariota no resahany, satria izy, ilay iray amin'izy roa ambin'ny folo, izay hamadika an'i Jesosy.

## John 6:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy dia nandeha avy tao Jerosalema ho any Galilia. Nisy vahoaka nanaraka Azy niakatra ny sisin'ny tendrombohitra. Ireto andininy ireto dia mitantara ny fizotran'ity fizarana amin'ny tantara ity.

### Taorian'ireo zavatra ireo

Ny teny hoe "ireo zavatra ireo" dia maneho ireo tranga tao amin'ny 5:1.

### Iasa niampita ... Jesosy

Voalaza ao amin'ny tantara fa nandeha sambo Jesosy ary nitondra ireo mpianany niaraka taminy. DH: "Jesosy dia nandeha sambo niaraka tamin'ireo mpianany"

### Nisy vahoaka maro

"Vahoaka maro an'isa"

### famantarana

Ity dia maneho ireo fahagagana izay nampiasaina hanehoana fa Andriamanitra no ilay mahery izay manana fahefana tanteraka amin'ny zavatra rehetra.

## John 6:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny tranga ao amin'ny tantara dia manomboka ao amin'ny andininy faha 5.

### Ary ny Paska, ilay andro firavoravoan'ny Jiosy, dia efa akaiky

Nahaton'i Jaona ny filazana ireo tranga ao amin'ny tantara mba hanomezana fampahafantarana fohy momban'ny fotoana hisehoan'ireo tranga.

### Fa Jesosy niteny izany mba hitsapana an'i Filipo, fa efa fantany izay ho ataony

Nahaton'i Jaona vetivety ny filazana ny momba ireo tranga ao amin'ny tantara mba hanazavana ny antony nanontan'ny Jesosy an'i Filipo ny amin'izay hividianana mofo.

**fa efa fantany izay ho ataony**  
Fantatr'i Jesosy izay ho ataony.

### John 6:7

#### **mofo roanjato dinaria**

Azo adika hoe: "Ny habetsakin'ny mofo izay mitentina karama roanjato andro."

#### **inona ireo manoloana ireto olona maro?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontanianana mba hanamafisana fa tsy manana sakafo sahaza an'ireo olono ireo izy ireo. DH: "ireto mofo sy trondro ireto dia tsy ho ampy hampisakafoana olona maro!"

### John 6:10

#### **Ary feno ahitra teo amin'ilay toerana**

Nahaton'i Jaona vetivety ny filazana ireo tranga ao amin'ny tantara mba hanomezana fampahafantarana fohy momban'ny toerana nisehoan'ity tranga ity.

#### **dia nipetraka ireo olona, teo amin'ny dimy arivo teo ny isany**

Raha ao anatin'ny vahoaka ny zaza amam-behivavy (6:4), dia manisa ireo lehilahy fotsiny Jaona eto.

#### **nisaotra**

Nivavaka tamin'Andriamanitra Ray Jesosy ary nisaotra Azy tamin'ireo hazandrano sy mofo.

#### **nizara izany**

DH: "Jesosy sy ireo mpianany nizara izany"

### John 6:13

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy nisintaka ny vahoaka. Ity ny farany amin'ny fizaran'ny tantara mahakasika ny nanomezan'i Jesosy sakafo ny vahoaka teny an-tendrombohitra.

#### **nangonin'izy ireo**

"nangonin'ireo mpianatra"

#### **sisa navela**

ny sakafo izay tsy nisy nihinana

#### **izany famantarana nataony izany**

Jesosy dia nanome sakafo olona 5000 tamin'ny mofo dimy sy hazandrano roa

#### **ilay mpaminany**

ilay mpaminany manokana izay nolazain'i Mosesy fa ho avy eto amin'izao tontolo izao

### John 6:16

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity ny tranga manaraka amin'ny tantara. Ireo mpianatr'i Jesosy dia mandeha eny amin'ny farihy amin'ny sambokely.

### John 6:19

#### **nivoy**

Ny sambo dia misy olona roa, efatra, na enina mamoy amin'ny tehin-dakana amin'ny sisiny roa foana ary miara-miasa.

#### **teo amin'ny dimy amby roapolo na telopolo stadio teo**

Ny stadio iray dia mitovy amin'ny 185 metatra DH: "teo amin'ny dimy na enina kilaometatra"

#### **vonona ny handray Azy tao amin'ilay sambokely izy ireo**

Izany dia midika fa nitaingina ilay sambokely Jesosy. DH: "izy ireo dia tena faly nandray Azy tao amin'ilay sambokely"

### John 6:22

#### **ny ranomasina**

"ranoamasin'ny Galilia"

#### **sambokely maromaro avy any Tiberiasy**

Eto, Jaona dia manome fampahafantarana fototra. Ny andro manaraka, rehefa avy nanome sakafo ny olona Jesosy, dia nisy sambo sasany nisy olona avy any Tiberiasy tonga hijery an'i Jesosy. Kanefa, Jesosy sy ireo mpianany dia lasa ny alina talohan'iny.

### John 6:24

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny olona nankany Kapernaomy mba hijery an'i Jesosy. Rehefa nahita Azy izy ireo, dia nanomboka nametraka fanontanianana taminy.

### John 6:26

#### **marina, dia marina tokoa**

Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

#### **fiainana mandrakizay izay homen'ny Zanak'Olona anareo, satria Andriamanitra Ray no nanisy tombo-kase taminy**

Andriamanitra Ray dia nanome alalana an'i Jesosy, ilay Zanak'Olona, mba hanome ny fiainana mandrakizay ho an'ireo izay mino Azy.

#### **Zanak'Olona ... Andriamanitra Ray**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

#### **nanisy tombo-kase taminy**

Ny "manisy tombo-kase" eo amin'ny zavatra iray dia midika hoe mametraka marika eo amin'izany mba hahitana hoe an'iza izany zavatra izany. Ity dia midika fa ny Zanaka dia an'ny Ray ary ny Ray dia manaiky Azy amin'ny fomba rehetra.

**John 6:28****ireo asa**

Ao amin'ny Baiboly, ny teny hoe "asa" dia nampiasaina mba hanehoana amin'ny ankapobeny ireo zavatra izay ataon' Andriamanitra na ny olona.

**John 6:30****raibenay**

"rainay teo aloha" na "Razambenay"

**an-danitra**

Ity dia maneho ny toerana izay honenan' Andriamanitra.

**John 6:32****marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**tsy Mosesy no nanome anareo ny mofo avy any an-danitra**

Ny "tena mofo" dia sari-teny milaza an'i Jesosy. DH: "Ny Ray dia manome anareo ny Zanaka tahaka ilay tena mofo avy any an-danitra"

**ny Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**manome fiainana ho an'izao tontolo izao**

"manome fiainana ara-panahy ho an'izao tontolo izao"

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra eran-tany izay mahatoky an'i Jesosy.

**John 6:35****Izaho no mofon'ny fiainana**

Amin'ny alalan'ny sari-teny, dia mampitaha ny tenany amin'ny mofo Jesosy. Tahaka ny mofo ilaina amin'ny fiainana ara-nofontsika, no ilavana an'i Jesosy ho an'ny fiainana ara-panahintsika. DH: "Tahaka ny sakafo mitazona ny nofontsika ho velona, no afahako manome anareo fiainana ara-panahy."

**mino**

Ity dia midika hoe mino fa Jesosy dia ilay Zanak'Andriamanitra, mahatoky Azy ho Mpamonjy, ary miaina amin'ny fomba manome voninahitra Azy.

**Ny rehetra izay omen'ny Raiko Ahy dia hanatona Ahy**  
Andriamanitra Ray sy Andriamanitra Zanany dia hanavotra foana ireo izay mino an'i Jesosy.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**izay manatona Ahy dia tsy mba ho ariako**

DH: "Ho tazomiko izay rehetra manantona Ahy"

**John 6:38****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ny vahoaka.

**Izy izay naniraka Ahy**

"ny Ray, izay naniraka Ahy"

**ny tsy hanariako izay rehetra nomeny Ahy**

Izany dia manamafy ny hoe Jesosy dia tsy hanary ireo olona izay nomen'Andriamanitra ho Azy. DH: "Tokony hitazona azy rehetra Aho"

**John 6:41****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo mpitarika Jiosy dia nanapaka an'i Jesosy raha Izy mbola niresaka tamin'ny vahoaka iny.

**nimonomonona**

niteny tsy am-pifaliana

**Izaho no mofo**

Tahaka ny ilavana ny mofo amin'ny fiainana ara-nofontsika, no ilavana an'i Jesosy amin'ny fiainana ara-panahintsika. DH: "Izaho ilay iray izay tahaka ny tena mofo." Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 6:35.

**Tsy ilay Jesosy zanak'i Josefa ve io, izay fantatsika ny ray aman-dreniny?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana fa ireo Jiosy mpitarika dia mino fa Jesosy dia olon-tsotra. DH: "Jesosy ihany io, ilay zanak'i Josefa, izay fantantsika ny ray sy reniny!"

**Ahoana ary no ilazany hoe: 'Nidina avy any an-danitra Aho'?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana fa ireo Jiosy mpitarika dia tsy mino fa avy any an-danitra Jesosy. DH: "Izy dia mandainga rehefa milaza fa avy any an-danitra!"

**John 6:43****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ny vahoaka sy ireo Jiosy mpitarika ihany koa.

**mitaona**

Ity dia afaka midika hoe "misarika"

**Izany dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny mpaminany**

DH: "Ireo mpaminany dia nanoratra"

**Izay rehetra nandre sy nianatra tamin'ny Ray no manatona Ahy**

Ireo Jiosy dia nieritreritra fa Jesosy dia "zanak'i Josefa" (Jereo ny 6:41), kanefa Izy dia ilay Zanak'Andriamanitra satria Andriamanitra no Rainy, fa tsy Josefa. Ireo izay tena nianatra tamin'Andriamanitra Ray dia mino an'i Jesosy, izay Andriamanitra Zanaka.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

## John 6:46

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ary Jesosy manohy miresaka amin'ireo vahoaka sy ireo Jiosy mpitarika.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**Tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra**

Na dia tsy nisy olombelona izay miaina eto ambonin'ny tany nahita an'Andriamanitra Ray aza, Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia efa nahita ny Ray.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**izay mino no manana fiainana mandrakizay**

Andriamanitra dia manome ny "fiainana mandrakizay" ho an'ireo izay mahatoky an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

## John 6:48

**Izaho no mofon'ny fiainana**

Tahaka ny ilaivana ny mofo amin'ny fiainana ara-nofontsika, no ilaivana an'i Jesosy koa ho an'ny fiainana ara-panahintsika. DH: "Tahaka ny sakafo izay mitazona ny nofontsika ho velona, no afahako manome anareo fiainana ara-panahy izay maharitra mandrakizay." Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 6:35.

**Raibenareo**

"Ray teo aloha" na "Razambe"

**maty**

Ity dia maneho ny fahafatesana ara-batana.

## John 6:50

**Ity no mofo**

Eto ny "mofo" dia sari-teny manondro an'i Jesosy izay iray manome ny fiainana ara-panahy tahaka ny mofo manohana ny fiainana ara-nofo. DH: "Izaho dia tahaka ny tena mofo"

**tsy ho faty**

"Miaina mandrakizay." Eto ny teny hoe "maty" dia maneho ny fahafatesana ara-panahy.

**mofo velona**

Ity dia midika hoe "ilay mofo izay mahatonga ny olona ho velona."

**ho an'ny fiainan'izao tontolo izao**

Eto "ny izao tontolo izao" dia maneho ny fiainan'ny olona rehetra eto an-tany. DH: "izay hanome fiainana ny olona rehetra eto ambonin'ny tany"

## John 6:52

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nisy Jiosy sasany izay teo nanomboka nifamaly ary Jesosy namaly ny fanontaniam'izy ireo.

**Ahoana no afahan'io lehilahy io manome antsika ny nofony hoanina?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana fa ireo mpitarika Jiosy dia tohina tamin'izay nambaran'i Jesosy mahakasika "ny nofony." DH: "Tsy misy fomba afahan'io lehilahy io mampinana ny nofony ho antsika!"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**mihinana ny nofon'ny Zanak'Olonan'ianareo sy misotro ny ràny**

Eto ny fehezanteny hoe "mihinana ny nofo" sy ny hoe "misotro ny ràny" dia sari-teny izay mampiseho fa ny fahatokiana an'i Jesosy, ilay Zanak'Olonan', dia tahaka ny mahazo sakafo sy zava-mpisotro ara-panahy. DH: "raiso tahaka ny handraisanareo hanina sy zava-pisotro ny Zanak'Olonan'"

**tsy hanana fiainana ao aminareo**

"tsy hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo"

## John 6:54

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo rehetra izay mihaino Azy.

**Na iza na iza mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko dia manana fiainana mandrakizay**

Ny teny hoe "mihinana ny nofo" sy "misotro ny ràko" dia sari-teny. Tahaka ny hitakian'ny olona iray sakafo sy zava-pisotro mba hazoana ny fiainana ara-nofo, no hahazoan'ireo izay mahatoky an'i Jesosy ny fiainana ara-panahy. DH: "na iza na iza mahatoky Ahy amin'ny sakafo sy zava-pisotro ara-panahin'izy ireo dia hahazo ny fiainana mandrakizay"

**amin'ny andro farany**

"amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra"

ny nofoko no tena fihinana, ary ny ràko no tena fisotro  
Ny teny hoe "tena fihinana" sy "tena fisotro" dia  
sari-teny izay midika hoe Jesosy no mpanome  
sakafo sy zava-pisotro ara-panahy ho an'ireo izay  
mino Azy. Ny fandraisana an'i Jesosy amin'ny  
finoana dia manome fiainana mandrakizay toy ny  
sakafo sy ny zava-pisotro mamelona ny vatana. DH:  
"Izaho no tena sakafo sy zava-pisotro ara-panahy"

**mitoetra ao Amiko, ary Izaho ao aminy**  
"manana fifandraisana akaiky Amiko"

### John 6:57

**izay mihinana Ahy**  
"Izay mahatoky Ahy"

**Ray velona**  
Ireo dika-teny azo atao: 1) "Ny Ray izay nanome  
fiainana" na 2) "Ny Ray izay velona."

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho  
an'Andriamanitra.

**Ity ilay mofo nidina avy any an-danitra**  
Ny "mofo" dia sari-teny ho an'i Jesosy, izay tonga  
avy tany an-danitra. DH: "Izaho dia tahaka ny mofo  
izay avy any an-danitra"

**Izay mihinana ity mofo ity**  
Izany dia sari-teny. Ireo izay mahatoky an'i Jesosy  
ny amin'ny fiainam-panahiny dia tahaka an'ireo ireo  
olona izay miankina amin'ny mofo na sakafo ho  
an'ny fiainan'ny nofon'izy ireo. DH: "Na iza na iza  
mahatoky Ahy"

**Raibe**  
"Ray teo aloha" na "Razambe"

**Jesosy nilaza ireo zavatra ireo tao amin'ny synagoga ...  
tao Kapernaomy Izy**  
Eto Jaona dia manome fampahafantarana fototra  
mahakasika ny fotoana izay nitrangan'ny tantara.

### John 6:60

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Mametraka fanontaniana ny sasany amin'ireo  
mpianatra ary Jesosy mamaly, raha mbola manohy  
miresaka amin'ny vahoaka Izy.

**iza no afaka anaiky izany**  
Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika  
fanontaniana mba hanamafisana fa ireo mpianatra  
dia manana fahasarotana amin'ny fahazoana izay  
nolazain'i Jesosy. DH: "Tsy misy afaka hanaiky  
izany" na "Sarotra takarina be izany!"

### John 6:62

**Koa ahoana raha tokony hahita ny Zanak'Olonana miakatra  
any amin'ny nitoerany taloha ianareo?**

Jesosy manolotra ity fanamarihana miendrika  
fanontaniana ity mba hanamafisana fa ireo  
mpianany dia hahita zavatra hafa izay sarotra  
takarina ihany koa. DH: "Avy eo tsy ho fantatrareo  
izay eritreretina rehefa mahita Ahy, ilay  
Zanak'Olonana, miakatra ho an'ny an-danitra!"

**ahazoana**  
Ny teny hoe "ahazoana" dia midika hoe miteraka  
zavatra tsara hitranga.

**ireo teny**  
Ny "teny" eto dia afaka adika hoe: 1) Tenin'i Jesosy  
tao amin'ny 6:32 na 2) Ny zavatra rehetra  
nampianarin'i Jesosy.

**Ireo teny izay nolazaiko taminareo**  
"Izay nambarako taminareo"

**dia fanahy, ary fiainana ireo**  
Mety ho dikany: 1) "dia mahakasika ny Fanahy sy  
ny fiainana mandrakizay" na 2) "dia avy amin'ny  
Fanahy sy manome ny fiainana mandrakizay" na 3)  
"dia mahakasika ny fiainana ara-panahy sy  
fiainana."

### John 6:64

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Tapitra ny firesahan'i Jesosy tamin'ny vahoaka.

**Fa Jesosy efa nahalala hatramin'ny voalohany izay tsy  
hino sy izay hamadika Azy**  
Eto Jaona dia manome fampahafantarana fototra  
momba izay zavatra fantatr'i Jesosy fa hitranga.

**tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy nomen'ny  
Ray Azy izany**  
Na iza na iza te-hino dia tsy maintsy manatona  
an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Zanaka.  
Andriamanitra Ray irery ihany no mamela ny  
vahoaka hanatona an'i Jesosy.

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho  
an'Andriamanitra.

**manatona Ahy**  
"Araho Aho ary raiso ny fiainana mandrakizay"

### John 6:66

**Tompo, ho any amin'iza moa izahay?**  
Simona Petera manome ity fanamarihana ity  
amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana fa  
maniry ny hanaraka an'i Jesosy irery izy. DH:  
"Tomo, izahay dia tsy hanaraka olon-kafa afa-tsy  
Ianao!"



**ireo mpianany**

Eto ny "ireo mpianany" dia maneho ny vondron' olona amin'ny ankapobeny izay nanaraka an'i Jesosy.

**ireo roa ambin'ny folo**

Ity dia fanafohezana ny hoe "ireo mpianatra roa ambin'ny folo," vondron-dehilahy roa ambin'ny folo izay nanaraka an'i Jesosy tamin'ny asa fanompoany rehetra. DH: "ireo mpianatra roa ambin'ny folo"

**John 6:70**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha 71 dia tsy anisan'ny fizaran'ny tantara fototra araky ny nanehoan'i Jaona hevitra tamin'izay nolazain'i Jesosy.

**Tsy Izaho ve no nifidy anareo, roa ambin'ny folo, ary ny iray aminareo dia devoly?**

Jesosy manome ity fanamarihana ity amin'ny endrika fanontaniana mba hisintonana ny saina amin'ny hoe hisy iray amin'ireo mpianatra hamadika Azy. DH: "Izaho mihintsy no nifidy anareo rehetra, nefa ny iray aminareo dia mpanompon'ny Satana!"

---

## Chapter 7

<sup>1</sup> Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia nandeha tany Galilia, fa tsy te-ho any Jodia anefa Izy noho ireo Jiosy mitady hamono Azy. <sup>2</sup> Ary efa akaiky ny andro firavoravoan'ny Jiosy ny Tabernakely. <sup>3</sup> Noho izany ireo rahalahiny niteny taminy hoe: "Mialà amin'ity toerana ity ary mandehàna any Jodia, mba hafahan'ireo mpianatrao mahita ireo asa ataonao ihany koa. <sup>4</sup> Tsy misy olona manao zavatra miafina izany raha izy tenany ary te-ho fantatra ampahibemaso. Raha manao ireo zavatra ireo ianao, dia misehoa amin'izao tontolo izao." <sup>5</sup> Fa na ireo rahalahiny aza tsy nino Azy. <sup>6</sup> Noho izany Jesosy niteny azy ireo hoe: "Mbola tsy tonga ny fotoako, fa ny fotoanareo kosa dia vonona lalandava. <sup>7</sup> Tsy afaka ny hankahala anareo izao tontolo izao, fa Izaho no halany satria manambara fa ratsy ireo asany. <sup>8</sup> Ianareo miakara any amin'ny firavoravoana; fa Izaho kosa tsy handeha amin'izany satria tsy mbola tonga ny fotoako." <sup>9</sup> Taorian'ny nitenenany ireo zavatra ireo azy ireo, dia nijanona tao Galilia Izy. <sup>10</sup> Fa rehefa niakatra tany amin'ny firavoravoana ireo rahalahiny, dia niakatra tany ihany koa Izy avy eo, tsy nisehoseho fa niafina. <sup>11</sup> Nitady azy tany amin'ny firavoravoana ireo Jiosy ary niteny hoe: "Aiza Izy?" <sup>12</sup> Nisy resaka be dia be momba Azy teo anivon'ireo vahoaka. Ny sasany milaza fa: "Lehilahy tsara Izy." Ireo hafa miteny hoe: "Tsia, mitarika ny vahoaka any amin'ny fahaverezana Izy." <sup>13</sup> Ary tsy nisy sahy niresaka ampahibemaso momba Azy nohon'ny fatahorana ireo Jiosy. <sup>14</sup> Rehefa nisasaka ny firavoravoana, dia niakatra tany amin'ny Tempoly Jesosy ary nanomboka nampianatra. <sup>15</sup> Avy eo dia gaga ireo Jiosy, manao hoe: "Ahoana no hahazana'io lehilahy io izany rehetra izany? Izy tsy mba nandalo fianarana mihintsy." <sup>16</sup> Jesosy namaly azy ireo ary nanao hoe: "Tsy Ahy ny fampianarako, fa avy amin'Izy izay naniraka Ahy. <sup>17</sup> Raha misy olona maniry hanao ny sitrapony, dia hahafantatra momban'io fampianarana io izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na Izaho no miteny avy amin'ny tenako. <sup>18</sup> Na iza na iza miteny avy amin'ny tenany dia mitady ny voninahitry ny tenany manokana, fa na iza na iza mitady ny voninahitry izay naniraka azy, dia io olona io no marina, ary tsy misy tsy fahamarinana ao aminy. <sup>19</sup> Tsy nomen'i Mosesy anareo ve ny lalàna? Kanefa tsy misy aminareo mitandrina ny lalàna. Nahoana ianareo no mitady hamono Ahy?" <sup>20</sup> Namaly ny vahoaka hoe: "Ianao dia misy demonia. Iza koa no mitady hamono anao?" <sup>21</sup> Jesosy namaly ka niteny azy ireo hoe: "Asa iray no nataoko, ary dia gaga noho izany avokoa ianareo. <sup>22</sup> Nomen'i Mosesy ny famoràna ianareo (tsy hoe avy amin'i Mosesy izany, fa avy amin'ireo razana), ary amin'ny Sabata dia mamora olona ianareo. <sup>23</sup> Raha amin'ny Sabata no amoràna ny olona mba tsy ho voadika ny lalàn'i Mosesy, dia nahoana ianareo no tezitra amiko raha nanasitrana tanteraka olona iray tamin'ny Sabata Aho?" <sup>24</sup> Aza mitsara amin'ny endrika ivelany, fa mitsarà am-pahamarinana." <sup>25</sup> Nisy sasany tamin'ireo avy any Jerosalema niteny hoe: "Tsy ity ve ilay tadiavin'izy ireo ho vonoina?" <sup>26</sup> Jereo, miresaka miharihary Izy, ary tsy misy miteny na inona na inona Azy izy ireo. Dia ho fantatrin'ny mpitondra tokoa ve fa Izy no Kristy, sa ahoana? <sup>27</sup> Efa fantantsika hoe avy aiza io lehilahy io. Fa rehefa tonga ilay Kristy, dia tsy hisy hahafantatra hoe avy aiza Izy." <sup>28</sup> Avy eo nihiaka mafy Jesosy tao an-Tempoly, nampianatra ary niteny hoe: "Ianareo dia samy mahafantatra ny tenako ary mahalala ny fihaviko. Tsy tonga nohon'ny tenako manokana Aho, fa ilay naniraka Ahy dia marina, ary tsy fantatrareo Izy. <sup>29</sup> Fantatro Izy satria Izaho dia avy aminy ary Izy no naniraka Ahy". <sup>30</sup> Niezaka ny hisambotra Azy izy ireo, fa tsy nisy naninji-tanana taminy satria tsy mbola tonga ny fotoany. <sup>31</sup> Kanefa maro tamin'ireo vahoaka no nino Azy, ary hoy izy ireo hoe: "Rehefa tonga ilay Kristy, moa hanao famantarana maro noho ny vitan'io lehilahy io ve Izy?" <sup>32</sup> Nandre ny vahoaka nibitsibitsika ireo zavatra momban'i Jesosy ireo ny Fariseo, ary ny lohan'ny mpisorona sy ireo Fariseo dia naniraka mpiandry raharaha hisambotra Azy. <sup>33</sup> Hoy Jesosy avy eo hoe: "Kely sisa ny fotoana hiarahako aminareo, dia handeha ho any amin'ilay naniraka Ahy Aho. <sup>34</sup> Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita Ahy; izay halehako, tsy ho azonareo aleha." <sup>35</sup> Noho izany ireo Jiosy dia nifampiresaka hoe: "Fa handeha ho aiza io lehilahy io no tsy ho vitantsika ny hitady Azy? Handeha ho any amin'ireo izay niparitaka nakany amin'i Grika dia hananatra ireo Grika ve?" <sup>36</sup> Ary inona ny dikan'ny teny nolazainy hoe: "Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita Ahy; izay haleako, tsy ho azonareo aleha?" <sup>37</sup> Ary tamin'ny farany, andro lehibe amin'ny firavoravona, dia nitsangana Jesosy ary niteny mafy, manao hoe: "Raha misy mangetaheta, avelao izy hanatona Ahy ary hisotro. <sup>38</sup> Izay mino Ahy, araka ny voalazan'ny Soratra Masina, dia hikoriana avy ao an-kibony ny onin'ny rano velona." <sup>39</sup> Fa izao no ambarany momban'ny Fanahy, ireo izay nino Azy no handray; ilay Fanahy dia tsy mbola nomena satria tsy mbola nahazo voninahitra Jesosy. <sup>40</sup> Ny sasany tamin'ireo vahoaka, rehefa nandre ireo teny ireo, dia niteny hoe: "Ity tokoa ilay mpaminany." <sup>41</sup> Ireo hafa nilaza hoe: "Ity ilay Kristy." Fa ny sasany niteny hoe: "Fa angaha Kristy avy any Galilia?" <sup>42</sup> Tsy voalazan'ny Soratra Masina ve fa Kristy dia ho avy amin'ny taranak'i Davida ary avy ao Betlehema, ilay tanàna izay nisy an'i Davida?" <sup>43</sup> Ka nisy fizarana teo amin'ny vaohaka noho Izy. <sup>44</sup> Ny sasany tamin'izy ireo te-hisambotra Azy, fa tsy nisy naninji-

tanana taminy. <sup>45</sup> Avy eo ireo mpiandry raharaha niverina tany amin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo Fariseo, izay nilaza tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy?" <sup>46</sup> Namaly ireo mpiandry raharaha hoe: "Tsy mbola nisy niresaka tahaka izany mihintsy." <sup>47</sup> Noho izany ireo Fariseo namaly azy ireo hoe: "Voafitaka ihany koa ve ianareo?" <sup>48</sup> Moa nisy tamin'ireo mpanapaka mba nino Azy, na tamin'ireo Fariseo? <sup>49</sup> Fa ireo vahoaka ireo dia tsy mahalala ny lalàna, voaozona ireo." <sup>50</sup> Nikodemusy (iray amin'ireo Fariseo, izay tonga mialoha teo aminy), nilaza hoe: <sup>51</sup> "Moa ve ny lalàntsika mitsara olona mialohan'ny handrenesana azy ka ahafantarana izay nataony?" <sup>52</sup> Namaly izy ireo ary niteny taminy hoe: "Avy any Galilia koa angaha ianao? Mikaroha ary jereo fa tsy misy mpaminany avy any Galilia." <sup>53</sup><sup>[1]</sup> Avy eo ny tsirairay nankany an-tranony avy.

## Footnotes

7:53 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dika-teny taloha tsara indrindra dia tsy ahitana ny Jaona 7:53-8:11

### John 7:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity dia fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy dia tao Galilia miresaka amin'ireo rahalahiny. Ireto andininy ireto dia miresaka ny fotoana izay nitrangan'ity tranga ity.

#### Taorian'ireo zavatra ireo

"Rehefa avy niresaka tamin'ireo mpianatra Izy" (jereo ny 6:66) na "fotoana fohy taty aoriana"

#### ireo Jiosy mitady hamono Azy

Eto ny "ireo Jiosy" dia milaza ireo "mpitarika Jiosy." DH: "Ireo mpitarika Jiosy dia nanao tetika hamonoana Azy"

#### Ary efa akaiky ny andro firavoravoan'ny Jiosy ny Tabernakely

"Ary dia efa akaiky ny fotoana firavoravoan'ireo Jiosy" na "ary dia efa antomotra ny fotoana ho an'ny firavoravoan'ny Tabernakely"

### John 7:3

#### ireo rahalahiny

Ity dia maneho ireo zandrin'i Jesosy, ireo zanaka lahin'i Maria sy Josefa.

#### asa ataonao ihany koa

Ny teny hoe "asa" dia maneho ireo fahagagana izay nataon'i Jesosy.

#### izy tenany

Ny hoe "tenany" dia manamafy ny "izy."

#### izao tontolo izao

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia entina maneho ny olona rehetra izay eto ambonin'ny tany. DH: "Ny olona rehetra" na "ny tsirairay"

### John 7:5

#### Fa na ireo rahalahiny aza tsy nino Azy

Ity fehezanteny ity dia fihatoana amin'ny tantara fototra mba hitenan'i Jaona antsika fampahafantarana fototra mahakasika ireo rahalahin'i Jesosy.

#### ireo rahalahiny

"Ireo zandriny"

#### Mbola tsy tonga ny fotoako

Jesosy dia manambara fa tsy mbola fotoana hanaperany ny asa fanompoany izao. DH: "Tsy mbola fotoana hanaperako ny asako izao"

#### ny fotoanareo kosa dia vonona lalandava

"ny fotoana rehetra dia mety aminareo"

#### tsy afaka ny hankahala anareo izao tontolo izao

Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia entina maneho ny olona miaina eto amin'izao tontolo izao. DH: "Ny olona rehetra eto ambonin'ny tany dia tsy afaka hankahala anareo"

#### manambara fa ratsy ireo asany

"Izaho miteny azy ireo fa ny zavatra ataon'izy ireo dia ratsy"

### John 7:8

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo rahalahiny.

#### tsy mbola tonga ny fotoako

Eto Jesosy dia te-hilaza fa raha miverina any Jerosalema Izy, dia hamarana ny asany. DH: "Mbola tsy fotoana hiverenako any Jerosalema izao"

**John 7:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny fizotry ny tantara dia niova, Jesosy sy ireo rahalahany dia efa tonga ao amin'ny firavoravona.

**rehefa niakatra tany amin'ny firavoravoana ireo rahalahiny**

Ny teny hoe "ireo rahalahiny" dia manambara ireo zandrin'i Jesosy.

**niakatra tany ihany koa Izy**

Jerosalema dia toerana avo noho Galilia no misy azy izay nisy an'i Jesosy sy ireo rahalahiny teo aloha.

**tsy nisehoseho fa niafina**

Ireo teny roa ireo dia mitovy ihany ny heviny. Naverina indroa ny hevitra mba ho fanamafisana. DH: "tena tsy nisy nahafantatra"

**Nitady ... ireo Jiosy**

Eto ny hoe "Jiosy" dia manambara "ireo Jiosy mpitarika." DH: "Ireo Jiosy mpitarika dia nitady an'i Jesosy"

**John 7:12****ireo Jiosy**

Ny teny hoe "ireo Jiosy" dia milaza ireo mpitarika ny Jiosy izay nanohitra an'i Jesosy. DH: "Ireo Jiosy mpitarika"

**John 7:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy izao dia mampianatra ireo Jiosy ao an-tempoly.

**Ahoana no hahazana'io lehilahy io izany rehetra izany**  
Miseho amin'ny endrika fanontaniana ny fanamarihana mba hanamafisana ny fahatairan'ireo mpitarika Jiosy ny amin'ny fananan'i Jesosy fahalalana maro be. DH: "Izy dia tsy tokony hahafantatra be mahakasika ny Soratra Masina!"

**fa avy amin'Izy izay naniraka Ahy**

"fa avy amin'Andriamanitra, ilay Iray izay naniraka Ahy"

**John 7:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo Jiosy.

**fa na iza na iza mitady ny voninahitr'izay naniraka azy, dia io olona io no marina, ary tsy misy tsy fahamarinana ao aminy**

"Rehefa mitady ny voninahitr'izay naniraka azy fotsiny ny olona iray, dia izany olona izany no miteny ny marina. Tsy mandainga izy"

**John 7:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manohy miresaka amin'ireo Jiosy.

**Tsy nomen'i Mosesy anareo ve ny lalàna?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Mosesy no nanome anareo ny lalàna"

**mitandrina ny lalàna**

"mankatoa ny lalàna"

**Nahoana ianareo no mitady hamono Ahy?**

Jesosy dia manontany ny anton'ny tsy hanarahan'ireo mpitarika Jiosy izay te-hamono Azy ny lalàn'i Mosesy. Ny tiany tenenina dia hoe ireo mpitarika Jiosy mihintsy no tsy mitandrina izany lalàna izany. DH: "Ianareo mihintsy no mandika lalàna dia nefa mitady hamono Ahy ianareo!"

**Ianao dia misy demonia**

"Ity dia mampiseho fa adala Ianao na mety misy demonia mibaiko anao"

**Iza koa no mitady hamono anao?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Tsy misy mitady hamono anao!"

**John 7:21****asa iray**

"fahagagana iray" na "famantarana iray"

**gaga noho izany avokoa ianareo**

"tohina avokoa ianareo"

**tsy hoe avy amin'i Mosesy izany, fa avy amin'ireo razana**  
Eto Jaona dia manome fanazavana fanampiny mahakasika ny famoràna.

**ary amin'ny Sabata dia mamora olona ianareo**

Jesosy dia te-hiteny fa ny fanaovana famoràna ihany koa dia mangataka asa. DH: "Ianareo dia mamora zazalahy kely amin'ny Sabata. Asa koa izany!"

**amin'ny Sabata**

"amin'ny andro fialan-tsasatry ny Jiosy"

**John 7:23**

**Raha amin'ny Sabata no amoràna ny olona mba tsy ho voadika ny lalàn'i Mosesy**

"Raha mamora zazalahy amin'ny Sabata ianareo dia tsy mandika ny lalàn'i Mosesy"

**nahoana ianareo no tezitra amiko raha nanasitrana tanteraka olona iray tamin'ny Sabata Aho?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "ianareo dia tsy tokony ho tezitra amiko noho Izaho"

nanasitrana tanteraka olona tamin'ny andro Sabata!"

#### **tamin'ny Sabata**

"tamin'ny andro fialan-tsasatry ny Jiosy"

#### **Aza mitsara amin'ny endrika ivelany, fa mitsarà am-pahamarinana**

Jesosy dia manambara fa ny olona dia tsy tokony hanapaka hoe inona no marina, raha mifototra amin'izay hitan'ny masony fotsiny. Ao ambadiky ny hetsika dia misy antony izay tsy afaka hitan'ny maso. DH: "Atsaharo ny fitsarana ny olona amin'ny alalan'izay hitan'ny masonareo! Mba mifantoha amin'izay marina amin' Andriamanitra"

### **John 7:25**

#### **Tsy ity ve ilay tadiavin'izy ireo ho vonoina?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Ity Jesosy ilay tadiavin'izy ireo ho vonoina!"

#### **tsy misy miteny na inona na inona Azy**

Ity dia manambara fa tsy manohatra an'i Jesosy ireo mpitarika Jiosy. DH: "Izy ireo dia tsy miteny na inona na inona hanoherana Azy"

#### **Dia ho fantatrin'ny mpitondra tokoa ve fa Izy no Kristy, sa ahoana?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Mety hoe nanaiky ihany izy ireo fa Izy ilay tena Mesia!"

### **John 7:28**

#### **nihika mafy**

"Niteny tamin'ny feo mafy"

#### **tao an-Tempoly**

Jesosy sy ireo olona dia teo amin'ny kianjan'ny Tempoly. DH: "teo amin'ny kianjan'ny Tempoly"

#### **Ianareo dia samy mahafantatra ny tenako ary mahalala ny fihaviko**

Jaona dia mampiasa eso-teny amin'ity fanambarana ity. Ny olona dia mino fa avy any Nazareta Jesosy. Tsy fatatr'izy ireo fa nirahin' Andriamanitra avy any an-danitra Izy ary fa Izy dia teraka tao Betlehema. DH: "Ianareo rehetra dia mahafantatra Ahy ary dia mieritreritra ianareo fa mahafantatra izay niaviko."

#### **ny tenako**

"amin'ny fahefako manokana"

#### **ilay naniraka Ahy dia marina**

"Andriamanitra dia ilay Iray izay naniraka Ahy ary Izy dia marina"

### **John 7:30**

#### **tsy mbola tonga ny fotoany**

Ny teny ho "fotoana" dia entina maneho ny fotoana mety hisamborana an'i Jesosy, araka ny

drafitr'Andriamanitra. DH: "Tsy mbola fotoana hisamborana Azy izao"

#### **Rehefa tonga ilay Kristy, moa hanao famantarana maro noho ny vitan'io lehilahy io ve Izy?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Rehefa tonga ilay Kristy, dia azo antoka fa tsy hahavita mihoatra noho izay vitan'io lehilahy io Izy!"

#### **famantarana**

Ity dia maneho ireo famantarana izay manaporofa fa Jesosy ilay Kristy.

### **John 7:33**

#### **Kely sisa ny fotoana hiarahako aminareo**

"Hijanona hiaraka aminareo fotoana fohy fotsiny sisa Aho"

#### **dia handeha ho any amin'ilay naniraka Ahy Aho**

Eto Jesosy dia maneho an'Andriamanitra Ray, ilay naniraka Azy

#### **izay halehako, tsy ho azonareo aleha**

"Tsy afaka ny handeha any amin'ny toerana halehako ianareo"

### **John 7:35**

#### **Noho izany ireo Jiosy dia nifampiresaka**

Ny hoe "Jiosy" dia maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Ireo mpitarika Jiosy dia nifampiresaka teo amin'ny samy izy ireo"

#### **ireo izay niparitaka**

Ity dia maneho ireo Jiosy izay niparitaka nanerana ny tanin'i Grika, ivelan'i Palestina.

#### **Ary inona ny dikan'ny teny nolazainy hoe**

Ny "teny" dia midika hoe ny hafatra izay nozarain'i Jesosy, izay tsy vitan'ireo mpitarika Jiosy ny nanakatra azy. DH: "Inona ary no tiany lazaina amin'ny teneniny hoe"

### **John 7:37**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Efa fotoana maro no dila. Andro faran'ny firavoravona izao ary Jesosy dia niresaka tamin'ny vahoaka.

#### **andro lehibe**

"lehibe" satria andro farany, na andron'ny firavoravona, tena manan-danja.

#### **Raha misy mangetaheta**

Eto ny teny hoe "mangetaheta" dia sari-teny izay midika hoe ny faniriana lehiben'ny tsirairay ny amin'ireo zavatr'Andriamanitra, tahaka ny olona "mangetaheta" rano. DH: "Ireo izay maniry ireo zavatr'Andriamanitra tahaka ny olona mangetaheta maniry ny hahazo rano"

**avelao izy hanatona Ahy ary hisotro**

Ny teny hoe "hisotro" dia sari-teny midika hoe mandray ny fiainana ara-panahy izay omen'i Jesosy. DH: "avelao izy hanatona Ahy ary dia hitsahatra ny hetahetany ara-panahy"

**Izay mino Ahy, araka ny voalazan'ny Soratra Masina**

"Tahaka izay voalaza ao amin'ny Soratra Masina ny momban'ireo rehetra izay mino Ahy"

**hikoriana avy ao an-kibony ny onin'ny rano velona**

Ny "hikoriana ... ny rano velona" dia sari-teny maneho ny fiainana izay omen'i Jesosy ho an'ireo izay "mangetaheta" ara-panahy. DH: "hisy fiainana ara-panahy hikoriana tahaka ny ranon'ny ony"

**rano velona**

Mety ho dikany: 1) "rano izay manome fiainana" na 2) "rano izay mahatonag ny olona ho velona"

**John 7:39****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ity andininy ity ny mpanoratra dia manome fampahafantarana hanazavana izay tenenin'i Jesosy.

**Fa izao no ambarany**

Jesosy eto no manambara.

**ilay Fanahy dia tsy mbola nomena**

Jaona dia milaza fa ny Fanahy dia hidina ao amin'ireo izay mino an'i Jesosy tsy ho ela. DH: "Ny Fanahy dia mbola tsy tonga hitoetra ao amin'ireo mpino"

**satria tsy mbola nahazo voninahitra Jesosy**

Eto ny teny hoe "voninahitra" dia maneho ny fotoana izay hanomezan'Andriamanitra voninahitra ny Zanaka aorian'ny fahafatesany sy ny fitsanganany amin'ny maty.

**John 7:40****Ity tokoa ilay mpaminany**

Tamin'ny fitenena izany, dia manondro ireo olona fa mino an'i Jesosy izy ireo hoe Izy ilay mpaminany tahaka an'i Mosesy izay nampanantenain'Andriamanitra ho alefa. DH: "ity tokoa ilay mpaminany tahaka an'i Mosesy izay efa nandrasanay"

**Fa angaha Kristy avy any Galilia?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Ilay Kristy dia tsy ho avy any Galilia!"

**Tsy voalazan'ny Soratra Masina ve fa Kristy dia ho avy amin'ny taranak'i Davida ary avy ao Betlehema, ilay tanàna izay nisy an'i Davida?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Ny Soratra Masina dia mampianatra fa Kristy dia ho

avy amin'ny taranak'i Davida sy avy ao Betlehema, ilay tanàna niavian'i Davida!"

**Tsy voalazan'ny Soratra Masina ve fa**

Ny Soratra Masina eto dia aseho toy ny hoe miteny tahaka ny olona miteny. DH: "Ireo mpaminany dia nanoratra tao amin'ny Soratra Masina"

**izay nisy an'i Davida**

"izay nipetrahan'i Davida"

**John 7:43****Ka nisy fizarana teo amin'ny vaohaka noho Izy**

Ny vahoaka dia tsy nifanaraka tamin'ny hoe Iza na inona Jesosy.

**fa tsy nisy naninji-tanana taminy**

Ny maninji-tanana amin'ny olona dia fomba fiteny hilazana hoe mitazona azy na hoe mifikitra aminy. DH: "fa tsy nisy olona nitazona Azy mba hisambotra Azy"

**John 7:45****mpiandry raharaha**

"mpiambina ny tempoly"

**Tsy mbola nisy niresaka tahaka izany mihintsy**

Ampitomboana ity hevitra ity mba ho fanamafisana. "Tsy mbola nahare olona niteny zavatra mahavariana tahaka ity lehilahy ity izahay!"

**John 7:47****Noho izany ireo Fariseo**

"Satria izy ireo niteny izany, dia namaly ireo Fariseo"

**namaly azy ireo**

"namaly ireo mpiandry raharaha"

**Voafitaka ihany koa ve ianareo?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. Ireo Fariseo dia tohina tamin'ny valin-tenin'ireo mpiandry raharaha. DH: "Voafitaka koa ianareo!"

**Moa nisy tamin'ireo mpanapaka mba nino Azy, na tamin'ireo Fariseo?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Tsy nisy tamin'ireo mpanapaka na Fariseo nino Azy!"

**ny lalàna**

Ity dia ny lalàn'ireo Fariseo fa tsy ny an'i Mosesy.

**Fa ireo vahoaka ireo dia tsy mahalala ny lalàna, voaozona ireo**

"Fa satria ity vahoaka ity dia tsy mahafantatra ny lalàna, dia ho haringan'Andriamanitra izy ireo!"

## John 7:50

**iray amin'ireo Fariseo, izay tonga mialoha teo aminy**  
Jaona dia manome ity fanazavana ity mba  
hampatsiahivany antsika hoe iza moa i Nikodemosy.

**Moa ve ny lalàntsika mitsara olona ... izay nataony?**  
Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana  
mba hanamafisana ny hevitra. Afaka adika ho  
fanambarana ity. DH: "Ny lalàntsika Jiosy dia tsy  
mamela antsika hitsara olona ... izay nataony!"

**Moa ve ny lalàntsika mitsara olona**  
Eto Nikodemosy dia miresaka ny lalàna toy ny hoe  
olona izany. DH: "Moa ve mitsara olona isika" na  
"isika dia tsy mitsara olona"

**Avy any Galilia koa angaha ianao?**  
Ireo mpitarika Jiosy dia mahafantatra fa  
Nikodemosy dia tsy avy any Galilia. Mametraka ity

fanontaniana ity izy ireo mba ho fomba hanesoana  
azy. DH: "Ianao koa dia iray amin'ireo olona ambany  
avy any Galilia ireny!"

## Mikaroha ary jereo

DH: "Tadiavo tsara ary vakio izay voasoratra ao  
amin'ny Soratra Masina."

## tsy misy mpaminany avy any Galilia

Ity dia mety maneho ny finoana fa tsy teraka tao  
Galilia Jesosy.

## John 7:53

## Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny dika-teny tsara indrindra dia tsy manana ny 7:53  
- 8:11.

## Chapter 8

<sup>1[1]</sup> Nankany an-tendrombohitry'i Oliva Jesosy. <sup>2</sup> Vao maraina dia nakeny an-tempoly indray Izy, ary ny olona rehetra nanatona Azy; nipetraka Izy ary nampianatra azy ireo. <sup>3</sup> Ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo dia nitondra vehivavy iray tratra nijangajanga. Napetrak'izy ireo teo afovoany izy. <sup>4[2]</sup> Avy eo hoy izy ireo taminy hoe: "Ry mpampianatra ô, ity vehivavy ity dia tratra teo am-pijangajangana. <sup>5</sup> Ary ao amin'ny lalàna, Mosesy nibaiko anay mba hitora-bato ny olona tahaka izany; inona no ambaranao momba azy?" <sup>6</sup> Nolazain'izy ireo hamandrihana Azy fotsiny anefa izany mba afahan'izy ireo manameloka Azy, fa Jesosy kosa niondrika ary nanoratra tamin'ny tany tamin'ny ratsan-tanany. <sup>7[3]</sup> Rehefa nametraka fanontaniana taminy hatrany izy ireo, dia nitsangana Izy ka niteny azy ireo hoe: "Izay tsy nanota taminareo, aoka izy no hitora-bato azy voalohany." <sup>8</sup> Dia niondrika indray Izy, ary nanoratra tamin'ny tany tamin'ny ratsan-tanany. <sup>9[4]</sup> Rehefa nandre izany izy ireo, dia niala tsirairay, nanomboka tamin'ny zokiny indrindra. Ary ny farany dia Jesosy irery ihany sisa no tavela teo, niaraka tamin'ilay vehivavy izay teo afovoany. <sup>10</sup> Nitsangana Jesosy ka nilaza taminy hoe: "Ravehivavy, fa lasa aiza ireo mpanameloka anao? Tsy misy manameloka anao ve?" <sup>11</sup> Hoy izy hoe: "Tsy misy, Tompoko." Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy manameloka anao Aho. Mandehana ary aza manota intsony." <sup>12</sup> Niteny tamin'izy ireo indray Jesosy, manao hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy dia tsy handeha amin'ny haizina fa hanana ny fahazavan'ny fiainana." <sup>13</sup> Hoy ireo fariseo taminy hoe: "Ianao dia manambara ny tenanao; tsy marina ny fanambaranao." <sup>14</sup> Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Na dia manambara ny tenako aza Aho, dia marina ny fanambarako. Fantatro ny nihaviako sy ny lalana alehako, fa ianareo kosa tsy mahafantatra izay nihaviako na izay alehako. <sup>15</sup> Ianareo dia mitsara araky ny nofo; fa Izaho tsy mitsara na iza na iza. <sup>16</sup> Na dia mitsara aza Aho; dia marina ny fitsarako satria tsy irery Aho, fa miaraka amin'ny Ray izay naniraka Ahy. <sup>17</sup> Eny, ary ao amin'ny lalanareo dia voasoratra fa marina ny fijoroan'ny olon-droa vavolombelona. <sup>18</sup> Izaho no manambara ny tenako, ary ny Ray izay naniraka Ahy ihany koa dia manambara Ahy." <sup>19</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Aiza ny rainao?" Jesosy namaly hoe: "Tsy fantatrareo na Izaho na ny Raiko; raha nahafantatra Ahy ianareo, dia mahafantatra ny Raiko ihany koa." <sup>20</sup> Teo akaikin'ny fandatsahan-drakitra Izy no nilaza izany teny izany raha iny Izy nampianatra teo amin'ny tempoly iny, ary tsy nisy nisambotra Azy satria tsy mbola tonga ny orany. <sup>21</sup> Ary hoy indray Izy tamin'izy ireo hoe: "Andeha Aho; hitady Ahy ianareo ary ho faty amin'ny fahotanareo. Izay alehako, dia tsy ho azonareo haleha." <sup>22</sup> Hoy ireo Jiosy hoe: "Hamono tena ve Izy? Izany ve no antony nilazany hoe: 'Izay alehako, dia tsy azonareo haleha'?" <sup>23</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avy ety ambany ianareo; Izaho kosa avy any ambony. Avy amin'izao tontolo izao ianareo; fa Izaho tsy avy amin'izao tontolo izao. <sup>24</sup> Noho izany, nambarako taminareo fa ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo. Fa raha tsy mino ianareo fa IZAHO NO IZY, dia ho faty amin'ny fahotanareo ianareo." <sup>25</sup> Noho izany dia hoy izy ireo taminy hoe: "Iza moa Ianao?" Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Araka izay voalazako taminareo hatrany am-boalohany. <sup>26</sup> Manana zavatra betsaka ho lazaina sy hitsaràna momba anareo Aho. kanefa, Izy izay naniraka Ahy dia marina; ary ireo zavatra izay reko avy taminy, dia hambarako amin'izao tontolo izao." <sup>27</sup> Tsy azon'izy ireo anefa fa Izy dia niresaka tamin'izy ireo momba ny Ray. <sup>28</sup> Hoy Jesosy hoe: "Rehefa asandratrareo ny Zanak'Olonà, dia ho fantatrareo fa izaho no IZY, ary tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho. Araka ny nampianarin'ny Ray Ahy, no hilazako ireo zavatra ireo. <sup>29</sup> Izy izay naniraka Ahy dia miaraka amiko, ary tsy namela Ahy ho irery Izy, noho Izaho manao izay ankasitrahany mandrakariva." <sup>30</sup> Raha nilaza ireo zavatra ireo Jesosy, dia betsaka no nino Azy. <sup>31</sup> Jesosy niteny tamin'ireo Jiosy izay nino Azy hoe: "Raha mitoetra amin'ny teniko ianareo, dia ho tena mpianatro; <sup>32</sup> ary ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo." <sup>33</sup> Ary izy ireo namaly Azy hoe: "Taranak'i Abrahama izahay ary tsy mbola nandevozin'iza na iza hatrizay; koa ahoana no hilazanao hoe: 'Ho afaka ianareo'?" <sup>34</sup> Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa ireo izay manota dia andevon'ny ota. <sup>35</sup> Ny andevo dia tsy mitoetra ao an-trano mandrakizay; fa ny zanaka no mitoetra mandrakizay. <sup>36</sup> Noho izany, raha ny Zanaka no manafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo. <sup>37</sup> Fantatro fa taranak'i Abrahama ianareo; mitady izay hahafaty Ahy satria tsy manana toerana ao aminareo ny teniko. <sup>38</sup> Milaza izay hitako niaraka tamin'ny Raiko Aho, ary ianareo koa manao izay renareo tamin'ny rainareo." <sup>39</sup> Namaly izy ireo ka nilaza taminy hoe: "Abrahama no rainay." Jesosy niteny azy ireo hoe: "Raha zanak'i Abrahama ianareo, dia hanao ny asan'i Abrahama. <sup>40</sup> Kanefa, ankehitriny ianareo mitady hamono Ahy, izay lehilahy nilaza taminareo ny marina izay reko tamin'Andriamanitra. Abrahama tsy nanao izany. <sup>41</sup> Ianareo dia manao ny asan'ny rainareo." Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsy teraka tamin'ny fijangajangana izahay; iray ihany ny Rainay: dia Andriamanitra." <sup>42</sup> Jesosy niteny azy ireo hoe: "Raha Andriamaitra no rainareo, dia tokony ho tia Ahy ianareo, satria avy tamin'Andriamanitra no nivoahako sy nandehanako aty; fa tsy tonga ho azy Aho, fa Izy no naniraka Ahy. <sup>43</sup> Nahoana no tsy



azonareo ny teniko? Izany dia satria tsy afaka hanaiky ny teniko ianareo. <sup>44</sup> Avy amin'ny rainareo ianareo, ilay devoly, ary ny tianareo atao dia ny filàna izay nataon'ny rainareo. Mpamono olona hatramin'izay izy ary tsy mijoro amin'ny fahamarinana satria tsy misy marina ao aminy. Rehefa mandainga Izy, dia ny toetra fanaony ihany no lazainy satria mpandainga Izy ary rain'ny lainga. <sup>45</sup> Kanefa, satria milaza ny marina Aho, dia tsy mino Ahy ianareo. <sup>46</sup> Iza aminareo no manameloka Ahy amin'ny fahotana? Raha milaza ny marina Aho, nahoana no tsy hinoanareo? <sup>47</sup> Izay avy amin'Andriamanitra dia mandre ny tenin' Andriamanitra; tsy mandre izany ianareo satria tsy avy amin'Andriamanitra." <sup>48</sup> Namaly ireo Jiosy ka niteny taminy hoe: "Moa ve tsy milaza ny marina izahay fa Samaritana Ianao ary misy demonia?" <sup>49</sup> Jesosy namaly hoe: "Tsy misy demonia aho, fa manome voninahitra ny Raiko, ary ianareo tsy manome voninahitra Ahy. <sup>50</sup> Tsy mitady ny voninahitra Aho; misy iray mitady sy mitsara. <sup>51</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa raha misy mitandrina ny teniko, dia tsy hahita fahafatesana mandrakizay izy." <sup>52</sup> Hoy ireo jiosy taminy hoe: "Ankehitriny fantatray fa manana demonia Ianao. Efa maty Abrahama sy ireo mpaminany; kanefa ianao milaza hoe: 'Raha misy mitandrina ny teniko, dia tsy hahita fahafatesana mandrakizay izy.' <sup>53</sup> Tsy lehibe noho ny rainay Abrahama izay efa maty Ianao, sa ve lehibe? Ireo mpaminany ihany koa dia maty. Manao ny tenanao ho Iza moa Ianao?" <sup>54</sup> Jesosy namaly hoe: "Raha mankalaza ny tenako Aho, dia ho tsinotsinona ny voninahitra; ny Raiko izay ataonareo ho Andriamanitra no mankalaza Ahy. <sup>55</sup> Tsy fantatray Izy, fa Izaho mahafantatra Azy. Raha milaza Aho hoe: 'Tsy mahafantatra Azy Aho,' dia ho tahaka anareo, mpandainga. Kanefa, fantatro Izy ka mitandrina ny teniny Aho. <sup>56</sup> Ny rainareo dia nifaly nahita ny androko; nahita izany izy dia faly." <sup>57</sup> Hoy ireo Jiosy taminy hoe: "Mbola tsy misy dimampolo taona akory Ianao, ka dia ho efa nahita an'i Abrahama ve?" <sup>58</sup> Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, talohan'ny nahaterahan'i Abrahama, dia Izaho no Izy." <sup>59</sup> Avy eo dia naka vato hatoraka Azy izy ireo, fa Jesosy kosa niery ka nivoaka ny tempoly.

## Footnotes

- 8:1 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony  
 8:4 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony  
 8:7 <sup>[3]</sup>Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony  
 8:9 <sup>[4]</sup>Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony

## John 8:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ny andininy 1 dia miteny antsika hoe nankaiza Jesosy tamin'ny faran'ny toko teo aloha.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Raha manana ny 7:53 - 8:11 ny dika-teny sasany, dia ny dika-teny tsara indrindra sy taloha dia tsy misy ireo.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny fizarana manarka amin'ny tantara dia manomboka eo amin'ny andininy faha-2 raha niverina tao an-tempoly Jesosy.

### ny olona rehetra

Ity dia fomba fiteny amin'ny ankapobeny. Izany dia midika hoe "olona maro."

### Ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo dia nitondra

Eto ny "mpanora-dalàna sy ireo Fariseo" dia entina maneho ny mpikambana sasany amin'ireo vondrona roa ireo. DH: "Ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo dia nitondra" na "nisy

lehilahy sasantsasany izay nampianatra ireo lalàna Jiosy ary ny sasantsasany dia Fariseo"

### vehivavy iray tratra nijangajanga

DH: "Vehivavy izay tratran'izy ireo nijangajanga"

## John 8:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Raha manana ny 7:53 - 8:11 ny fandikan-teny sasany, dia ny dikan-teny tsara indrindra sy taloha tsy misy ireo.

### olona tahaka izany

"olona ohatran'izany" na "olona izay manao izany"

### inona no ambaranao momba azy?

"Mba teneno aminay. Inona no tokony hataonay mahakasika azy?"

### hamandrihana Azy

Ity dia midika hoe mampiasa fanontanianana fandrika.

### mba hafahan'izy ireo manameloka Azy

Izay hampangan'izy ireo Azy dia afaka atao mihariary. DH: "ka mba hafahan'izy ireo

miampanga Azy amin'ny fitenena zavatra diso" na "ka mba hafahan'izy ireo miampanga Azy ny amin'ny tsy fankatoavana ny lalàn'i Mosesy na ny lalàn'ny Romana.

### John 8:7

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Raha manana ny 7:53 - 8:11 ny dika-teny sasany, dia ny dika-teny tsara indrindra sy taloha tsy misy ireo.

**Rehefa nametraka fanontaniana taminy hatrany izy ireo**  
Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo

#### Izay tsy nanota taminareo

"Raha misy aminareo ireo tsy nanota" na "Raha misy tsy mbola nanota mihintsy taminareo"

#### taminareo

Jesosy dia miresaka amin'ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo, sy mety ireo vahoaka, ihany koa.

#### aoka izy

"avelao izany olona izany"

#### niondrika indray Izy

"niankohoka izy"

### John 8:9

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Raha manana ny 7:53 - 8:11 ny dika-teny sasany, dia ny dika-teny tsara indrindra sy taloha tsy misy ireo.

#### tsirairay

"ny iray ao aorian'ny iray"

#### Ravehivavy, fa lasa aiza ireo mpanameloka anao?

Jesosy rehefa niantso azy hoe "ravehivavy," dia tsy nanambany azy. Raha mieritreritra ny olona amin'ny fiteninao fa izany no nataony, dia afaka adika tsy misy ny teny hoe "ravehivavy"ity.

### John 8:12

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy dia miresaka amin'ny vahoaka izay akaikin'ny harena tao an-tempoly.

#### Izaho no fahazavan'izao tontolo izao

Eto ny "fahazavana" dia sari-teny hilazana ny fanambarana izay avy amin'Andriamanitra. DH: "Izaho ilay iray izay manome fahazavana an'izao tontolo izao"

#### izao tontolo izao

DH: "Ny olona eto ambonin'ny tany"

#### izay manaraka Ahy

Fomba fiteny ity izay midika hoe "Ny olona rehetra izay manao izay ampianariko" na "ny olona rehetra izay mankatoa Ahy"

#### tsy handeha amin'ny haizina

Ny "handeha amin'ny haizina" dia sari-teny hilazana hoe miaina amin'ny fiainana feno ota. DH: "tsy hiaina toy ny hoe ao anatin'ny haizin'ny ota izy"

#### fahazavan'ny fiainana

Ny "fahazavan'ny fiainana" dia sari-teny ho an'ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra izay manome ny fiainana ara-panahy. DH: "fahamarinana izay mitondra ny fiainana mandrakizay"

#### Ianao dia manambara ny tenanao

"Ianao dia milaza fotsiny ireo zavatra ireo momban'ny tenanao"

#### tsy marina ny fanambaranao

Ireo Fariseo dia milaza fa ny fijoroan'ny olona iray vavolombelona fotsiny dia tsy marina satria tsy azo porofoina. DH: "Ianao dia tsy afaka ny hijoro vavolombelona amin'ny tenanao" na "Izay lazainao mahakasika ny tenanao dia mety tsy ho marina"

### John 8:14

#### Na dia manambara ny tenako aza Aho

"Na dia miteny ireo zavatra ireo momban'ny tenako aza Aho"

#### ny nofo

"araka ny maha olona sy ny lalàn'ny olona"

#### Izaho tsy mitsara na iza na iza

Mety ho dikany: 1) "Izaho tsy mbola mitsara na iza na iza" na 2) "Izaho dia tsy mbola mitsara an'iza na iza izao."

#### Na dia mitsara aza Aho

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) "Raha mitsara olona Aho" na 2) "Na oviana na oviana hitsarako olona"

#### dia marina ny fitsarako

Mety ho dikany: 1) "ny fitsarako dia ho marina" na 2) "ny fitsarako dia marina"

#### tsy irery Aho, fa miaraka amin'ny Ray izay naniraka Ahy

Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia manana ny fahefana noho ilay fifandraisany miavaka amin'ny Rainy.

#### tsy irery Aho

Izany dia maneho fa Jesosy dia tsy mitsara irery. DH: "Tsy irery Aho rehefa mitsara" na "Tsy izaho irery no mitsara"

**miaraka amin'ny Ray**

Ny Ray sy ny Zanaka dia miaraka mitsara. DH: "Ny Ray koa dia mitsara miaraka Amiko" na "Ny Ray dia mitsara toa Ahy."

**Ny Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an' Andriamanitra. Raha tsy maintsy milaza ny fiteninao hoe Rain'iza ity, dia afaka ataonao hoe "ny Raiko"

**John 8:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo Fariseo sy ireo olona hafa ny momba Azy.

**Eny, ary ao amin'ny lalànao**

Ny teny hoe "Eny" dia maneho fa Jesosy dia manampy izay nolazainy teo aloha.

**voasoratra**

DH: "Mosesy nanoratra"

**ny fijoroan'ny olon-droa vavolombelona**

Mitombona kokoa raha misy olona iray hafa afaka manaporofa izay lazain'ny olona iray. DH: "Raha misy olona roa miteny zavatra mitovy, dia fantatry ny olona fa marina izany"

**Izaho no manambara ny tenako**

Jesosy dia manambara ny tenany. DH: "Izaho dia manome porofa anareo ny momba Ahy"

**ny Ray izay naniraka Ahy ihany koa dia manambara Ahy**

Ny Ray ihany koa dia manambara ny amin'i Jesosy. Afaka ataonao mazava tsara izany fa ny fijoroan'i Jesosy vavolombelona dia marina. DH: "Ny Raiko izay naniraka Ahy koa dia mitondra porofa mahakasika Ahy. Noho izany ianareo dia tokony hino fa izay lazainay aminareo dia marina"

**ny Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra. Raha tsy maintsy milaza ny fiteninao hoe Rain'iza ity, dia afaka ataonao hoe "ny Raiko"

**John 8:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha-20 dia misy fihatoana amin'ny resak'i Jesosy izay hanomezan'ny mpanoratra fampahafantarana fototra antsika ny amin'ny toerana nampianaran'i Jesosy.

**Tsy fantatrarao na Izaho na ny Raiko; raha nahafantatra Ahy ianareo, dia mahafantatra ny Raiko ihany koa**

Jesosy dia manondro fa ny fahafantarana Azy dia ny mahafantatra ny Ray ihany koa. Na ny Ray na ny Zanaka dia samy Andriamanitra. Ny "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ny Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an' Andriamanitra.

**tsy mbola tonga ny orany**

Ny teny hoe "orany" dia hilazana ny fotoana izay hafatesan'i Jesosy. DH: "tsy mbola fotoana hafatesan'i Jesosy izao"

**John 8:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ny vahoaka.

**ho faty amin'ny fahotanao**

Eto ny teny hoe "ho faty" dia maneho ny fahafatesana ara-panahy. DH: "maty raha mbola feno ota ianareo" na "Ianareo dia ho faty eo ampanotana"

**tsy ho azonareo haleha**

"Ianareo dia tsy afaka mankany"

**Hoy ireo Jiosy hoe**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia maneho ireo "mpitarika Jiosy." DH: "Hoy ireo mpitarika Jiosy hoe" na "Hoy ireo fahefana Jiosy hoe"

**John 8:23****Avy ety ambany ianareo**

"Ianareo dia teraka teto ambonin'ity tany ity"

**Izaho kosa avy any ambony**

"Izaho avy any an-danitra"

**Avy amin'izao tontolo izao ianareo**

"an'izao tontolo izao ianareo"

**Izaho tsy avy amin'izao tontolo izao**

"Izaho dia tsy an'izao tontolo izao"

**ho faty ao amin'ny fahotanao ianareo**

"Ianareo dia ho faty tsy hahazo ny fahamelan-keloka avy amin'Andriamanitra"

**IZAHO NO IZY**

Mety ho dikany: 1) Jesosy dia manambara ny tenany ho Yaveh, izay midika hoe "Izaho no Izy" na 2) Jesosy dia nanantena fa ho takatry ny olona ny tiany lazaina tamin'izay efa nolazainy teo hoe: "Izaho kosa avy any ambony."

**John 8:25****hoy izy ireo**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo mpitarika Jiosy.

**dia hambarako amin'izao tontolo izao**

Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia hilazana ny olona rehetra izay monina eto ambonin'ny tany. DH: "Ireo zavatra ireo dia noteneniko tamin'ny olona rehetra"

**ny Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### John 8:28

**Rehefa asandratrareo**

Ity dia maneho ny fametrahana an'i Jesosy eo amin'ny hazofijaliana mba ho vonoina.

**Zanak'Olona**

Jesosy nampiasa ny fiantsoana hoe "Zanak'Olona" mba hanehoana ny tenany.

**izaho no IZY**

Tahakan'Andriamanitra Zanaka, Jesosy dia tsy tahaka ny olona rehetra fa mahafantatra an'Andriamanitra Ray. Mety ho dikany: 1) Jesosy dia manambara ny tenany ho Yaveh amin'ny fitenena hoe "Izaho dia Andriamanitra" na 2) Jesosy dia niteny hoe: "Izaho ilay Iray maneho ny tenako ho Izy."

**Araka ny nampianarin'ny Ray Ahy, no hilazako ireo zavatra ireo**

"Izaho dia miteny izay nampianarin'ny Raiko ho teneniko fotsiny." Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Izy izay naniraka Ahy**

Ny "Izy" eto dia manambara an'Andriamanitra.

**Raha nilaza ireo zavatra ireo Jesosy**

"Raha niteny ireo teny ireo Jesosy"

**betsaka no nino Azy**

"olona maro no nahatoky Azy"

### John 8:31

**mitoetra amin'ny teniko**

Ity dia fomba fiteny midika hoe: "mankatoa an'i Jesosy" DH: "mankatoa izay nolazaiko"

**mpianatro**

"mpanara-dia Ahy"

**ny marina hanafaka anareo**

Eto dia resahan'i Jesosy toy ny hoe olona ny "marina". DH: "Raha mankatoa ny marina ianareo, dia ho afahan'Andriamanitra"

**ny marina**

Ity dia maneho izay nambaran'i Jesosy mahakasika an'Andriamanitra. DH: "izay marina momban'Andriamanitra."

**koa ahoana no hilazanao hoe: 'Ho afaka ianareo'?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatairan'ireo mpitarika Jiosy tamin'ny zavatra notenenin'i Jesosy. DH: "Izahay dia tsy mila afahana!"

### John 8:34

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:449 ity.

**dia andevon'ny ota**

Eto ny teny hoe: "andevo" dia sari-teny. Izany dia midika fa ny "fahotana" dia tahaka ny hoe tompo ho an'ny olona mpanota. DH: "dia tahaka ny andevon'ny ota"

**ao an-trano**

Eto ny "trano" dia maneho ny "fianakaviana." DH: "tahaka ny mpikambana maharitra ao amin'ny fianakaviana"

**fa ny zanaka no mitoetra mandrakizay**

DH: "Ny Zanaka dia mpikambana mandrakizay ao amin'ny fianakaviana"

**raha ny Zanaka no manafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo**

Jesosy ihany, ilay Zanak'Andriamanitra, no tena afaka manafaka ireo olona. DH: "Raha mamela Ahy hanafaka anareo ianareo, dia ho tena afaka ianareo."

**Zanaka**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

### John 8:37

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo Jiosy.

**tsy manana toerana ao aminareo ny teniko**

Eto ny "teny" dia midika hoe "fampianarana" na "hafatra" an'i Jesosy, izay tsy eken'ireo mpitarika Jiosy. DH: "ianareo dia tsy manaiky ireo fampianarako" na "tsy avelanareo hanova ny fiainanareo ny hafatro"

**Milaza izay hitako niaraka tamin'ny Raiko Aho**

"Miteny anareo ireo zavatra hitako tamin'Izaho niaraka tamin'ny Raiko Aho"

**ianareo koa manao izay renareo tamin'ny rainareo**

Ireo mpitarika Jiosy dia tsy nahatakatra fa ny "ny rainareo" tian'i Jesosy lazaina dia ireo devoly. DH: "Ianareo koa dia mbola manohy izay nasain'ny rainareo atao."

### John 8:39

**rainay**

"razambe"

**Abrahama tsy nanao izany**

"Abrahama dia tsy nihezaka hamono na iza na iza niteny azy ny fanambarana marina avy amin'Andriamanitra"

**Ianareo dia manao ny asan'ny rainareo**

Jesosy dia manambara fa ny rain'izy ireo dia ny devoly. DH: "Tsia! Ianareo dia manao ireo zavatra izay nataon'ny tena rainareo"

**Tsy teraka tamin'ny fijangajangana izahay**

Eto ireo mpitarika Jiosy dia milaza fa Jesosy dia tsy mahafantatra hoe iza no tena rainy. DH: "Izahay dia tsy mahafantatra ny mahakasika Anao, fa izahay dia tsy zaza sary" na "Izahay rehetra dia nateraka tamin'ny fanambadiana avokoa"

**iray ihany ny Rainay: dia Andriamanitra**

Eto ireo mpitarika Jiosy dia manambara an'Andriamanitra ho Rain'izy ireo ara-panahy. Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**John 8:42****tia**

Ity dia ilay karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa (na ireo fahavalontsika aza), na dia tsy mahazo tombony aza ianao.

**Nahoana no tsy azonareo ny teniko?**

Jesosy dia mapiasa ity fanontaniana ity mba hitenenana mafy ireo mpitarika Jiosy nohon'ny tsy fihainoan'izy ireo Azy. DH: "Ho lazaiko aminareo ny antony tsy ahazoanareo izay lazaiko!"

**Izany dia satria tsy afaka hanaiky ny teniko ianareo**

Eto ny "teniko" dia midika hoe "fampianaran" i Jesosy. DH: "Izany dia satria tsy handray ny fampianarako ianareo."

**Avy amin'ny rainareo ianareo, ilay devoly**

"An'ny rainareo ianareo, Satana"

**ary rain'ny lainga**

Eto ny "ray" dia sari-teny maneho ilay iray izay niandohan'ny lainga rehetra. DH: "Izy ilay iray izay namorona ny lainga rehetra tamin'ny fiandohana"

**John 8:45****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo Jiosy.

**satria milaza ny marina Aho**

"satria milaza ireo zavatra marina momban'Andriamanitra Aho"

**Iza aminareo no manameloka Ahy amin'ny fahotana?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hanamafisana fa Izy dia tsy mbola nanota mihintsy. DH: "Tsy misy aminareo afaka manaporofa fa efa nanota Aho!"

**Raha milaza ny marina Aho**

"Raha milaza zavatra marina Aho"

**nahoana no tsy hinoanareo?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hibedesana ireo mpitarika Jiosy nohon'ny amin'ny tsy finoan'izy ireo. DH: "Tsy manana antony tokony tsy hinoana Ahy ianareo!"

**ny tenin' Andriamanitra**

Eto ny "teny" eto dia manambara my "hafatr'Andriamanitra." DH: "Ny hafatr' Andriamanitra" na "Ny fahamarinana izay tonga avy tamin'Andriamanitra"

**John 8:48****Ireo Jiosy**

Ny hoe "ireo Jiosy" eto dia maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy DH: "ireo mpitarika Jiosy"

**Moa ve tsy milaza ny marina izahay fa samaritana ianao ary misy demonia?**

Ireo mpitarika Jiosy dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hampangana an'i Jesosy sy tsy hanomezana voninahitra Azy. DH: "Izahay dia tena tsy diso raha miteny hoe samaritana ianao ary dia misy demonia ao aminao!"

**John 8:50****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola mamaly ireo Jiosy.

**misy iray mitady sy mitsara**

Ity dia maneho an'Andriamanitra.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**mitandrina ny teniko**

Eto ny "teny" dia sari-teny ilazana ny "fampianarana" an'i Jesosy DH: "ankàtoavy ireo fampianarako" na "ataovy izay teneniko"

**hahita fahafatesana**

Ity dia fomba fiteny izay midika hoe hiaina ny fahafatesana. Eto Jesosy dia maneho ny fahafatesana ara-panahy. DH: "maty ara-panahy"

**John 8:52****Jiosy**

Eto ny "Jiosy" dia entina hilazana ireo "mpitarika Jiosy" izay manohitra an'i Jesosy. DH: "ireo mpitarika Jiosy"

**hahita fahafatesana**

Ity dia fomba fiteny izay midika hoe hiaina fahafatesana. Ireo mpitarika Jiosy dia diso fihetitra raha nieritreritra fa Jesosy dia miresaka momban'ny fahafatesana ara-nofa fotsiny ihany. DH: "maty"

**Tsy lehibe noho ny rainay Abrahama izay efa maty Ianao, sa ve lehibe**

Ireo mpitarika Jiosy dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hanamafisana fa Jesosy dia tsy lehibe noho Abrahama. DH: "Mazava ho azy fa Ianao dia tsy lehibe noho ny rainay Abrahama izay efa maty tokoa!"

**rainay**  
"razambe"

**Manao ny tenanao ho iza moa Ianao?**

Ireo Jiosy dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hitenenana mafy an'i Jesosy nohon'ny fieritreretana fa lehibe noho Abrahama Izy. DH: "Ianao dia tsy tokony hieritreritra hoe manan-danja be Ianao!"

### John 8:54

**ny Raiko izay ataonareo ho Andriamanitra no mankalaza Ahy**

Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra. Tsy misy olona mahafantatra an'Andriamanitra Ray tahaka an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra. DH: "Ny Raiko no manome voninahitra Ahy, dia milaza ianareo fa Andriamanitrareo Izy."

**mitandrina ny teniny**

Eto ny "teny" dia maneho izay lazain' Andriamanitra. DH: "Izaho dia mankatoa izay asainy atao"

**ny androko**

Ity dia maneho izay tokony ho tanterahan'i Jesosy mandritrin'ny fiainany. DH: "Izay tokony ataoko mandritrin'ny fiainako.

**nahita izany izy dia faly**

"Izy dia nahita mialoha ny fahatongavako tamin'ny alalan'ny fanambaran'Andriamanitra ary dia nifaly Izy"

### John 8:57

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity ny faran'ny fizarana amin'ny tantara momban'ny nireshan'i Jesosy tamin'ireo Jiosy tao an-tempoly, izay nanomboka tao amin'ny 8:12.

**Hoy ireo Jiosy taminy hoe**

Eto ny "Jiosy" dia midika hoe "mpitarika Jiosy" izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Hoy ireo mpitarika Jiosy taminy"

**Mbola tsy misy dimampolo taona akory Ianao, ka dia ho efa nahita an'i Abrahama ve?**

Ireo mpitarika Jiosy dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hilazana ny fahatairan'izy ireo fa Jesosy dia manambara ho efa nahita an'i Abrahama. DH: "Ianao dia mbola latsaky ny dimampolo taona. Tsy tokony nahita an'i Abrahama Ianao!"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**talohan'ny nahaterahan'i Abrahama, dia Izaho no Izy**

Tahaka an'Andriamanitra Zanaka, Jesosy dia mahafantatra an'Andriamanitra Ray tsy tahaka ny olona rehetra. Mety ho dikany: 1) Jesosy dia milaza ny tenany ho Yaveh amin'ny fitenena hoe: "Izaho no Andriamanitra" na 2) Jesosy dia niteny hoe: "talohan'ny nisian'Abrahama, dia efa nisy Aho."

**Avy eo dia naka vato hatoraka Azy izy ireo**

Ireo mpitarika Jiosy dia tezitra tamin'izay nolazain'i Jesosy. Eto izany dia milaza fa te-hamono Azy izy ireo nohon'ny fanaovany ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra. DH: "Avy eo dia naka vato izy ireo mba hamonoana Azy satria manambara ho mitovy amin'Andriamanitra Izy"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Ary raha nandalo Jesosy, dia nahita lehilahy jamba hatramin'izy vao teraka. <sup>2</sup> Nanontany Azy ireo ny mpianany hoe: "Raby, iza re no nanota, io lehilahy io sa ireo ray aman-dreniny, no dia teraka jamba tahaka izao izy?" <sup>3</sup> Jesosy namaly hoe: "Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa natao izao mba hanehoana aminy ny asan'Andriamanitra. <sup>4</sup> Tsy maintsy manao ny asan'izay naniraka Ahy isika raha mbola mazava. Fa ho avy ny alina izay tsy afahan'iza na iza miasa intsony. <sup>5</sup> Raha mbola eto amin'izao tontolo izao Aho, dia Izaho no fahazavan'izao tontolo izao." <sup>6</sup> Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nandrora tamin'ny tany, ary nanao feta tamin'ilay rora, ka nanosotra ny fotaka tamin'ny mason'ilay lehilahy. <sup>7</sup> Hoy Izy taminy hoe: "Mandehana, sasao eny amin'ny ranon'ny Siloama (izay adika hoe: nirahina) ny masonao." Ka lasa ralehilahy, nanasa izany, ary niverina nahiratra. <sup>8</sup> Ary nifampanontany ireo olona mpiray vody rindrina tamin-drarahilahy sy ireo izay nahita azy nangataka taloha nanao hoe: "Tsy ity ve ilay lehilahy nipetraka nangataka teto?" <sup>9</sup> Ny sasany nanao hoe: "Izy io." Ary ny hafa nilaza hoe: "Tsia, fa mitovy aminy ihany izy." Fa izy kosa nanao hoe: "Izaho ity." <sup>10</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Koa ahoana ary no nahiratan'ny masonao?" <sup>11</sup> Namaly izy hoe: "Ilay lehilahy antsoina hoe Jesosy no nanao feta ary nonosotra izany tamin'ny masoko ka niteny tamiko hoe: 'Mandehana any Siloama ary sasao ny masonao.' Dia nandeha aho ary nanasa izany, ka nahiratra." <sup>12</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Aiza Izy?" Dia novaliany hoe: "Tsy fantatro." <sup>13</sup> Nentin'izy ireo teo amin'ny fariseo ilay lehilahy izay jamba taloha. <sup>14</sup> Tamin'ny andro Sabata moa no nanaovan'i Jesosy ny feta sy nampahiratany ny masony. <sup>15</sup> Ary nanontany azy indray ireo Fariseo ny amin'ny fomba nahiratan'ny. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Nasiany feta ny masoko, nosasako, ka mahita aho izao." <sup>16</sup> Ny sasany tamin'ireo fariseo niteny hoe: "Tsy avy amin'Andriamanitra ity lehilahy ity satria tsy mba manaja ny andro Sabata." Ny hafa nanao hoe: "Ahoana no afahan'ny olona mpanota manao famantarana lehibe tahaka izao?" Ka dia nisy fizarazarana teo amin'izy ireo. <sup>17</sup> Ka dia niverina nanontany ilay lehilahy jamba indray izy ireo hoe: "Inona no hambaranao momba Azy, hatramin'ny nampahiratany ny masonao?" Hoy ilay lehilahy jamba hoe: "Mpaminany Izy." <sup>18</sup> Ary mbola tsy nino ny momba azy ihany ireo Jiosy hoe izy dia efa jamba ka nahiratra raha tsy niantso ny ray aman-drenin'ilay lehilahy nahiratra izy ireo. <sup>19</sup> Nanontany ireo ray aman-dreny izy ireo hoe: "Ity ve ilay zanakareo izay lazainareo fa hoe teraka jamba? Koa ahoana ary no ahitany izao?" <sup>20</sup> Ary dia novalian'ireo ray aman-dreniny izy ireo hoe: "Fantatray fa zanakay io sady teraka jamba izy. <sup>21</sup> Saingy ny amin'ny nahitany, tsy fantatray, ary izay nampahiratra ny masony, tsy fantatray. Anontanio azy, efa lehibe izy. Afaka milaza ho an'ny tenany izy." <sup>22</sup> Nilaza izany ireo ray aman-dreniny, satria natahotra ireo jiosy izy ireo. Satria efa nifanaiky ireo jiosy fa raha misy manaiky Azy ho Kristy, dia ho roahina hiala ao amin'ny synagoga izy. <sup>23</sup> Nohon'ny amin'izany, no nilazan'ireo ray aman-dreniny hoe: "Efa lehibe izy, izy no anontanio." <sup>24</sup> Ary niantso ilay lehilahy jamba taloha fanindroany indray izy ireo dia niteny taminy hoe: "Omeo voninahitra Andriamanitra. Fantatray fa mpanota izany lehilahy izany." <sup>25</sup> Avy eo dia namaly ilay lehilahy hoe: "Tsy fantatro aloha raha mpanota Izy. Ny hany fantatro dia izao: efa jamba aho taloha, fa ankehitriny aho mahita." <sup>26</sup> Avy eo dia hoy izy ireo taminy hoe: "Fa inona no nataony taminao? Ahoana ny fomba nampahiratany ny masonao?" <sup>27</sup> Dia namaly izy hoe: "Efa nambarako taminareo, fa tsy nihaino ianareo! Ka nahoana ianareo no te-hihaino izany indray? Te-ho isan'ny mpianany ihany koa ve ianareo, sa tsy izany?" <sup>28</sup> Naneso azy izy ireo ka niteny hoe: "Ianao no mpianany, fa izahay mpianatr'i Mosesy. <sup>29</sup> Fantatray fa efa niresaka tamin'i Mosesy Andriamanitra, fa raha izany lehilahy izany dia tsy fantatray izay nihaviany." <sup>30</sup> Dia namaly ilay lehilahy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Mahagaga izany, tsy fantatrareo izay niaviany, kanefa nampahiratra ny masoko Izy. <sup>31</sup> Fantatsika fa tsy mihaino ireo mpanota Andriamanitra, fa raha misy mazoto mivavaka sy manao ny sitrapony, dia mihaino azy Izy. <sup>32</sup> Hatramin'ny niantombohan'izao tontolo izao dia tsy mbola re mihintsy hoe nisy nampahiratra ny mason'izay teraka jamba. <sup>33</sup> Koa raha tsy avy amin'Andriamanitra izany lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona." <sup>34</sup> Ary dia namaly izy ireo ka nanao taminy hoe: "Tena teraka tamin'ny ota ianao, dia ianao indray ve no hampianatra anay?" Avy eo dia noroahin'izy ireo hivoaka izy. <sup>35</sup> Ren'i Jesosy fa noroahin'izy ireo tao amin'ny synagoga izy. Ary Izy nahita azy dia niteny hoe: "Mino ny Zanak'Olonana ve ianao?" <sup>36</sup> Namaly izy hoe: "Iza moa no Izy, Tompo, mba hinoako Azy?" <sup>37</sup> Jesosy nanao taminy hoe: "Efa nahita Azy ianao, ary ilay iray izay miresaka aminao izao izany." <sup>38</sup> Hoy ilay lehilahy hoe: "Tompo, mino aho." ary dia nidera Azy izy. <sup>39</sup> Jesosy nilaza hoe: "Fa fitsarana no nahatongavako eto amin'izao tontolo izao mba hahiratra ireo izay jamba ary mba ho tonga jamba ireo izay mahiratra." <sup>40</sup> Nandre izany ny sasany tamin'ireo Fariseo izay niaraka taminy ka nanontany Azy hoe: "Ary izahay ihany koa ve jamba?" <sup>41</sup> Fa Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-keloka, fa ianareo kosa ankehitriny milaza hoe: 'Mahiratra izahay,' dia mbola mitoetra ny helokareo."

**John 9:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara. Raha iny nandeha iny Jesosy sy ireo mpianany, dia nahita lehilahy Jamba.

**raha nandalo Jesosy**

Eto ny hoe "Jesosy" dia milaza an'i Jesosy sy ireo mpianatra. DH: "Ary raha nandalo Jesosy sy ireo mpianany"

**iza re no nanota, ity lehilahy ity sa ireo ray aman-dreniny, no dia teraka jamba tahaka izao izy?**

Ity fanontaniana ity dia maneho ny finoana Jiosy fahiny fa ny ota no miteraka ny aretina rehetra sy ny fahasembanana hafa. Ireo raby ihany koa dia nampianatra fa ny zaza dia mety manota na dia mbola ao an-kibo aza. DH: "Ry Mpampianatra, fantatsika fa ny ota no mahatonga ny olona ho jamba. Otan'iza no nahatonga ity lehilahy ity ho teraka jamba? Ity lehilahy ity ve no nanota, sa ireo ray aman-dreniny no nanota?"

**John 9:3****isika**

Ny "isika" eto dia maneho an'i Jesosy sy ireo mpianatra resahany.

**mazava ... alina**

Eto ny "mazava" sy "alina" dia sari-teny. Jesosy dia mampitaha ny fotoana izay afahan'ny olona manao ny asan'Andriamanitra amin'ny andro atoandro, fotoana izay hiasan'ny olona raha ny tena izy, ary ny andro alina izay fotoana tsy afahan'ny olona manao ny asan'Andriamanitra.

**fahazavan'izao tontolo izao**

Eto ny "fahazavana" dia sari-teny ho an'ny fanambarana tena marin'Andriamanitra. DH: "Ilay Iray izay mampiseho hoe inona ny marina tahaka ny hazavana izay mamela ny olona hahita izay ao anatin'ny haizina"

**John 9:6****ary nanao feta tamin'ilay rora**

Jesosy dia nampiasa ny tanany mba hamolavolana ilay fotaka sy rora. DH: "ary nampiasa ny tanany mba hanatambarany ny fotaka sy rora mba hanamboarana feta"

**izay adika hoe: nirahina**

Misy fihatoana kely eto ao amin'ny fizotry ny tantara ka afaka manome fanampim-panazavana sasany Jaona izay hanampy ny mpamaky Grika.

**nanasa izany**

"nanasa ny masony teo amin'ny rano miangona"

**John 9:8****Tsy ity ve ilay lehilahy nipetraka nangataka teto?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatairan'ny vahoaka. DH: "Ity lehilahy ity dia ilay nipetraka sy nangataka teto!"

**John 9:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo manodidina ilay lehilahy jamba teo aloha dia mbola manohy miresaka aminy.

**Koa ahoana ary no nahiratan'ny masonao?**

"Koa inona izany no nahatonga anao afaka mahita?" na "Ahoana no afahanao mahita ankehitriny?"

**nanosotra izany tamin'ny masoko**

"nampiasa ny tanany Izy mba hanosorana feta ny masoko."

**John 9:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha-14 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fotoana nanasitrana'i Jesosy ilay lehilahy.

**Noentin'izy ireo teo amin'ny fariseo ilay lehilahy izay jamba taloha**

Ireo vahoaka dia nanery ilay lehilahy mba hanaraka azy ireo ho any amin'ireo Fariseo. Tsy noteren'izy ireo ara-batana anefa izy.

**ny andro Sabata**

"Andro fitsaharan'ny Jiosy"

**Ary nanontany azy indray ireo Fariseo**

"ka nanontany azy koa ireo Fariseo"

**John 9:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha-18 dia misy fihatoana amin'ny fizotry ny tantara ka manome fampahafantarana fototra Jaona mahakasika ny tsy finoan'ireo Jiosy.

**tsy mba manaja ny andro Sabata**

Ity dia midika fa Jesosy dia tsy mankatoka ny lalàna momban'ny tsy fiasana amin'ny andro fitsaharan'ireo Jiosy.

**Ahoana no afahan'ny olona mpanota manao famantarana lehibe tahaka izao?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana fa ny famantaran'i Jesosy dia manaporofa fa tsy mpanota Izy. DH: "Ny mpanota dia tsy afaka manao fahagagana tahaka izao!"



**famantarana**

Ity dia teny hafa ho an'ny fahagagana. Ny "famantarana" dia manome porofo fa Andriamanitra no ilay iray mahery indrindra izay manana fahefana tanteraka amin'izao tontolo rehetra izao.

**Mpaminany Izy**

"Mieritreritra aho fa mpaminany Izy"

**Ary mbola tsy nino ny momba azy ihany ireo Jiosy**

Eto ny teny hoe "Jiosy" diaentina milaza hoe "ireo mpitarika Jiosy" izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Ary mbola tsy nino foana ireo mpitarika Jiosy"

**John 9:19****Nanontany ireo ray aman-dreny izy ireo**

Ny hoe "Izy ireo" dia maneho ireo mpitarika Jiosy.

**efa lehibe izy**

"izy dia lehilahy" na "tsy zazakely intsony izy"

**John 9:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha-22 dia misy fihatoana amin'ny fizotry ny tantara raha manome fampahafantarana fototra momban'ny ray aman-drenin'ilay lehilahy izay natahotra ireo Jiosy.

**natahotra ireo jiosy izy ireo**

DH: "Izy ireo dia natahotra izay mety ho ataon'ireo mpitarika Jiosy amin'izy ireo"

**Efa lehibe izy**

"izy dia lehilahy" na "tsy zazakely intsony izy." Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 9:19.

**John 9:24****niantso ilay lehilahy ... izy ireo**

Eto ny "izy ireo" dia maneho ireo Jiosy. (9:16)

**Omeo voninahitra Andriamanitra**

Ity dia fomba fiteny izay nampiasan'ny olona rehefa manao fianianana. DH: "Eo anatrehan' Andriamanitra, teneno ny marina!" na "Teneno ny marina eo anatrehan' Andriamanitra!"

**izany lehilahy izany**

Ity dia maneho an'i Jesosy.

**ilay lehilahy**

Ity dia maneho an'ilay lehilahy jamba teo aloha.

**John 9:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo Jiosy dia mbola manohy miresaka amin'ilay lehilahy izay jamba teo aloha.

**nahoana ianareo no te-hihaino izany indray?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatairan'ilay lehilahy fa nanontany azy izay nitranga indray ireo mpitarika Jiosy. DH: "Gaga aho fa mbola te-hihaino izay nitranga tamiko indray ianareo!"

**Te-ho isan'ny mpianany ihany koa ve ianareo, sa tsy izany?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanampiana eso-teny amin'ny fanambaran'ilay lehilahy. Fantany fa ireo mpitarika Jiosy dia tsy te-hanaraka an'i Jesosy. Eto dia maniratsira azy ireo izy. DH: "Tahaka ny hoe te-ho mpianany koa ianareo!"

**John 9:30****tsy fantatrareo izay niaviany**

Gaga ilay lehilahy fa ireo mpitarika Jiosy dia nanontany ny fahefan'i Jesosy rehefa nahafantatra fa manana ny fahefana manasitrana Izy. DH: "tsy fantatrareo izay nahazoany ny fahefany"

**tsy mihaino ireo mpanota Andriamanitra ... mihaino azy izy**

"tsy mamaly ny vavak'ireo mpanota Andriamanitra ... Andriamanitra dia mamaly ny vavaka nataony.

**John 9:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ilay lehilahy izay jamba teo aloha dia mbola manohy miresaka amin'ireo Jiosy.

**tsy mbola re mihintsy hoe nisy nampahiratra ny mason'izay teraka jamba**

"tsy mbola nisy ren'ny olona hoe nahasitrana olona izay jamba avy any am-bohoka"

**Koa raha tsy avy amin'Andriamanitra izany lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona**

"Olona avy amin'Andriamanitra ihany no afaka manao zavatra toy izany!"

**Tena teraka tamin'ny ota ianao, dia ianao indray ve no hampianatra anay?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. Izany koa dia milaza fa hoe teraka jamba io lehilahy noho ny otan'ireo ray aman-dreniny. DH: "Ianao dia teraka nohon'ny fahotan'ny ray aman-dreninao. Ianao dia tsy mendrika ny hampianatra anay!"

**norohin'izy ireo hivoaka izy**

"Navoakan'izy ireo tao amin'ny synagoga izy"

**John 9:35****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy dia nahita ilay lehilahy izay nositrany ary manomboka miresaka aminy sy ireo vahoaka.

**Mino ny**

Ity dia midika hoe "mino an'i Jesosy," mino fa Izy dia ilay Zanak'Andriamanitra, mahatoky Azy ho Mpamonjy, ary miaina amin'ny fomba izay manome voninahitra Azy.

**John 9:39****nahatongavako eto amin'izao tontolo izao**

Ny teny hoe "izao tontolo izao" dia sari-teny hilazana hoe "ireo olona eto amin'izao tontolo izao." DH: "tonga hiaina hiaraka amin'ny olona eto amin'ity tany ity"

**mba hahiratra ireo izay jamba ary mba ho tonga jamba ireo izay mahiratra**

Eto ny "fahitana" sy ny "fahanjambana" dia sari-teny. Jesosy dia miavaka eo anatrehan'ny olona izay jamba ara-panahy sy ara-batana. DH: "ka ireo izay jamba ara-panahy, nefa te-hahita an'Andriamanitra,

dia afaka mahita Azy, ary ireo izay efa manana eritreritra diso fa afaka mahita an'Andriamanitra dia hijanona ao amin'ny fahajamban'izy ireo"

**Ary izahay ihany koa ve jamba?**

"Ianao ve mieritreritra fa izahay dia jamba ara-panahy?"

**Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-keloka**

Eto ny "fahajambana" dia sari-teny maneho ny hoe tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra. DH: "Raha te-hahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra ianareo, dia ho afaka mandray ny fahitanareo.

**fa ianareo kosa ankehitriny milaza hoe: 'Mahiratra izahay,' dia mbola mitoetra ny helokareo**

Eto ny "fahitanareo" dia sari-teny maneho ny hoe "mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra." DH: "satria ianareo manana eritreritra diso hoe efa mahafantatra an'Andriamanitra, dia hijanona ho jamba ianareo"

## Chapter 10

<sup>1</sup> "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa izay tsy miditra ny vavahady ho amin'ny valan'ondry, fa mananika lalana hafa, dia mpangalatra sy mpandroba izy. <sup>2</sup> Fa izay miditra ny vavahady kosa no mpiandry ondry tsara. <sup>3</sup> Izy no vahan'ny mpiandry vavahady. Mandre ny feony ny ondry, ary izy miantso ny ondriny manokana amin'ny anarany ka mitondra azy mivoaka. <sup>4</sup> Rehefa namoaka ny azy rehetra izy, dia nialoha lalana azy ireo, ary manaraka azy ny ondriny, satria mahalala ny feony. <sup>5</sup> Ary tsy hanaraka vahiny izy ireo fa handositra azy kosa, satria tsy fantany ny feon'ny vahiny." <sup>6</sup> Jesosy nilaza izany fanoharana izany tamin'izy ireo, saingy tsy azon'izy ireo akory ireo zavatra nolazainy tamin'izy ireo. <sup>7</sup> Dia hoy indray Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa Izaho no vavahadin'ondry. <sup>8</sup> Izay rehetra tonga talohako dia mpangalatra sy mpandroba, satria tsy nihaino azy ireo ny ondry. <sup>9</sup> Izaho no vavahady. Raha misy miditra ao amin'ny alalako, dia ho voavonjy izy; hiditra sy hivoaka izy ary hahita ny fihinanana. <sup>10</sup> Fa ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handrava. Fa Izaho kosa avy mba hananan'izy ireo fiainana ary hanana izany be dia be. <sup>11</sup> Izaho no mpiandry tsara. Ny mpiandry tsara dia manolotra ny ainy hamonjena ny ondriny. <sup>12</sup> Ny mpikarama dia tsy mpiandry ary tsy tompon'ny ondry. Raha nahita ambodia manatona izy dia handao ny ondry ka hitsoaka, ary ny ambodia misambotra sy mampiparitaka azy ireo. <sup>13</sup> Mandositra izy satria mpikarama ka tsy miraharaha ny ondry. <sup>14</sup> Izaho no mpiandry ondry tsara, ary fantatro ny Ahy, ary fantany Aho. <sup>15</sup> Ny Ray mahafantatra Ahy, ary Izaho mahafantatra ny Ray, ary Izaho manolotra ny aiko ho an'ny ondry. <sup>16</sup> Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho. Tsy maintsy ho entiko ihany koa ireny, ary izy ireo handre ny feoko mba ho tonga andiany iray ihany sy mpiandry iray. <sup>17</sup> Iza no antony hitiavan'ny Ray Ahy: mahafoy manolotra ny aiko Aho mba handraisako izany indray. <sup>18</sup> Tsy misy manaisotra izany amiko, fa ny tenako ihany no manolotra izany. Manana fahefana hanolotra izany Aho, ary manana fahefana haka izany indray. Izany didy izany dia azoko avy tamin'ny Raiko." <sup>19</sup> Nisy fizarazarana indray teo amin'ireo jiosy noho ireo teny ireo. <sup>20</sup> Maro tamin'izy ireo no nilaza hoe: "Manana demonia Izy ary very saina. Nahoana ianareo no mihaino Azy?" <sup>21</sup> Ny sasany nilaza hoe: "Tsy fitenin'ny olona misy demonia izany. Moa ny demonia afaka mampahiratra ny mason'ny jamba?" <sup>22</sup> Avy eo tonga ny fetin'ny fanokanana tao Jerosalema. <sup>23</sup> Ririnina tamin'izany, ary Jesosy nitsangana teo an-kianjan'ny tempoly teo amin'ny fialofan'i Solomona. <sup>24</sup> Avy eo notangoronan' ireo Jiosy Izy ary niteny taminy hoe: "Mandrapaha- rahoviana no hampisalasalanao anay? Raha ianao no Kristy, dia hambarao miharihary aminay." <sup>25</sup> Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Efa nanambara anareo aho, fa tsy mino ianareo. Ireo asa izay ataoko amin'ny anaran'ny Raiko, ireo no manambara ny mahakasika Ahy. <sup>26</sup> Kanefa ianareo tsy mino satria tsy mba ondriko. <sup>27</sup> Mandre ny feoko ny ondriko; fantatro izy ireo, ary manaraka Ahy. <sup>28</sup> Omeko azy ireo ny fiainana mandrakizay; ka tsy ho faty mandrakizay izy ireo, ary tsy hisy handrobaka azy eo am-pelantanako. <sup>29</sup> Ny Raiko, izay nanome ireo Ahy, dia lehibe noho ny hafa rehetra, ary tsy misy mahavita mandrobaka azy ireo eo am-pelatanan'ny Ray. <sup>30</sup> Izaho sy ny Ray dia iray ihany." <sup>31</sup> Avy eo naka vato indray ireo Jiosy mba hitora-bato Azy. <sup>32</sup> Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Maro ny asa tsara nasehoko anareo avy tamin'ny Ray. Koa inona tamin'ireny asa ireny no hitorahanareo vato Ahy?" <sup>33</sup> Namaly Azy ireo Jiosy hoe: "Tsy ny asa tsara no hitorahanay vato anao, fa ny fitenenan-dratsy, satria ianao, olombelona, dia manao ny tenanao ho Andriamanitra." <sup>34</sup> Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Tsy efa voasoratra ao amin'ny lalanareo ve hoe: 'Hoy Aho hoe: "andriamanitra ianareo"'? <sup>35</sup> Raha niantso ireny ho andriamanitra izy, dia ho an'iza izany no niavian'ny tenin'Andriamanitra (ary ny Soratra Masina dia tsy azo foanana), <sup>36</sup> moa ve ilay nohamasinin'ny Ray sy nirahina ho amin'izao tontolo izao no ataonareo hoe: 'Miteny ratsy ianao,' noho Izaho niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra'? <sup>37</sup> Raha tsy manao ireo asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. <sup>38</sup> Fa raha manao ireny Aho, na dia tsy mino Ahy aza ianareo, dia minoa ireo asa mba hahafantaranao sy hahazoanareo fa ny Ray dia ato Amiko ary Izaho ao amin'ny Ray." <sup>39</sup> Mbola nikasa ny hisambotra Azy indray izy ireo, fa nandositra Izy. <sup>40</sup> Dia nankany andafin'i Jordana indray Izy ho any amin'ilay toerana izay nanaovan'i Jaona batisa voalohany, ary nitoetra teo. <sup>41</sup> Maro ny olona nanatona Azy ary hoy izy ireo hoe: "Jaona tsy mba nanao famantarana, fa ny zavatra rehetra nolazain'i Jaona momba io lehilahy io dia marina." <sup>42</sup> Maro ny olona nino Azy teo.

**John 10:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo Fariseo. Ity dia mbola isan'ny fizarana ao amin'ilay tantara izay nanaomboka tao amin'ny 9:35.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia manomboka manao fanoharana.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**valan'ondry**

Ity dia toerana voafefy fametrahan'ny mpiandry ondry ireo ondriny.

**mpangalatra sy mpandroba**

Ity dia fampiasana teny roa mitovy dika mba hanamafisana ny hevitra.

**John 10:3****ny mpiandry vavahady**

Ity dia olona nokaramaina mba hiambina vavahady amin'ny alina rehefa tsy eo ny mpiandry ondry.

**Mandre ny feony ny ondry**

"Ny ondry dia mahare ny feony"

**izy, dia nialoha lalana azy ireo**

"Izy dia nandeha teo alohan'izy ireo"

**satria mahalala ny feony**

"satria mahafantatra ny feony"

**John 10:5****tsy azon'izy ireo akory**

Mety ho dikany: 1) "Ireo mpianatra dia tsy nahatakatra" na 2) "ireo olona dia tsy nahatakatra"

**izany fanoharana izany**

Ity dia sari-teny fanehoana avy amin'ny asan'ny mpiandry ondry. Ny "mpiandry ondry" dia sari-teny hilazana an'i Jesosy. Ny "ondry" dia maneho ireo mpanara-dia an'i Jesosy, ary ireo "vahiny" dia ireo mpitarika Jiosy, ao anatin'izany ireo Fariseo, izay mihezaka mamitaka ny vahoaka.

**John 10:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia manomboka manazava ny dikan'ny fanoharana notantarainy.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**Izaho no vavahadin'ondry**

Eto ny "vavahady" dia sari-teny midika hoe Jesosy no manome ny fidirana ao amin'ny vala izay

fakan'ain'ny olon'Andriamanitra amin'ny fanatrehany. DH: "Izaho dia tahaka ny vavahady izay fampiasan'ny ondry mba hidirana ao am-bala."

**Izay rehetra tonga talohako dia mpangalatra sy mpandroba**

Ity dia maneho ireo mpampianatra hafa izay nampianatra ny olona, ao anatin'izany ireo Fariseo sy ireo mpitarika Jiosy hafa. DH: "Ireo mpampianatra rehetra izay tonga tsy niaraka tamin'ny fahefako"

**mpangalatra sy mpandroba**

Ireo teny ireo dia sari-teny. Jesosy miantso ireo mpampianatra hoe "mpangalatra sy mpandroba" satria diso ny fampianaran'izy ireo, ary niezaka niezaka ny nitarika ireo olon'Andriamanitra raha tsy mahatakatra ny marinana. Noho izany, dia namitaka ireo vahoaka izy ireo.

**John 10:9****Izaho no vavahady**

Eto ny "vavahady" dia sari-teny. Amin'ny alalan'ny fanehoana ny tenany hoe "vavahady," dia mampiseho Jesosy fa manome lalana marina mba hidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra Izy. DH: "Izaho mihintsy no tahaka ny vavahady."

**fihinana**

Ny teny hoe "fihinana" dia midika hoe feno bozaka izay afahan'ireo ondry misakafo.

**tsy avy raha tsy hangalatra**

DH: "tonga mba hangalatra fotsiny"

**hangalatra sy hamono ary handrava**

Eto ny sari-teny tiana hambara dia ireo "ondry" izay maneho ny olon'Andriamanitra. DH: "hangalatra, hamono ary hanimba ireo ondry"

**mba hananan'izy ireo fiainana**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo ondry. Ny teny hoe "fiainana" dia maneho ny fiainana mandrakizay. DH: "mba afahan'izy ireo tena miaina, tsy ory na inona na inona"

**John 10:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia manohy ny fanoharany momban'ny mpiandry tsara.

**Izaho no mpiandry tsara**

Eto ny "mpiandry tsara" dia sari-teny izay maneho an'i Jesosy. DH: "Izaho dia tahaka ny mpiandry tsara"

**manolotra ny ainy**

Ny hoe manolotra zavatra dia tahaka ny hoe mahafohy ny fibaikoana an'izany zavatra izany. DH: "ho faty".

**Ny mpikarama**

Ny "mpikarama" dia sari-teny maneho ireo mpitarika Jiosy sy ireo mpampianatra. DH: "Ilay iray izay tahaka ny mpikarama"

**handao ny ondry ... tsy miraharaha ny ondry**

Eto ny teny hoe "ondry" dia sari-teny maneho ny olon'Andriamanitra. Tahaka ny mpikarama izay nandao ny ondry, dia miteny Jesosy fa ireo mpitarika Jiosy sy mpampianatra dia tsy miraharaha ny vahoakan'Andriamanitra.

**John 10:14****Izaho no mpiandry ondry tsara**

Jesosy eto ilay mpiandry tsara. DH: "Izaho dia tahaka ny mpiandry ondry tsara"

**Ny Ray mahafantatra Ahy, ary Izaho mahafantatra ny Ray**

Andriamanitra Ray sy Andriamanitra Zanaka dia mifankafantatra tsy tahaka ny fahafantaran'ny olona hafa azy ireo. Ny "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**Izaho manolotra ny aiko ho an'ny ondry**

Ity dia midika fa Jesosy dia vonona ny hanome ny ainy mba hiarovana ny ondry. DH: "Maty ho an'ny ondry Aho"

**Manana ondry hafa**

Eto ny "ondry hafa" dia sari-teny hilazana ireo mpanara-dia an'i Jesosy izay tsy Jiosy.

**andiany iray ihany sy mpiandry iray**

Eto ny "andiany" sy "mpiandry" dia sari-teny. Ireo mpanara-dia an'i Jesosy rehetra, Jiosy sy tsy Jiosy, dia ho tonga andian'ondry iray. Izy dia ho tahaka ny mpiandry ondry izay mikarakara azy rehetra.

**John 10:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny resak'i Jesosy tamin'ireo vahoaka.

**Izao no antony hitiavan'ny Ray Ahy: mahafoy manolotra ny aiko Aho**

Ny fikasana mandrakizay an'Andriamanitra dia ny hanome ny ain'Andriamanitra Zanaka mba hanefana ny otan'ny olombelona. Ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana dia maneho ny haben'ny fitiavan'ny Zanaka ho an'ny Ray ary ny an'ny Ray ho an'ny Zanaka.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**hitiavan'ny**

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin' Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Ity

karazana fitiavana ity dia mitsinjo ny hafa, na inona inona nataony.

**mahafoy manolotra ny aiko Aho mba handraisako izany indray**

Ity dia fomba hitenan'i Jesosy hoe ho faty Izy ary ho velona indray. DH: "Avelako ho faty ny tenako mba hananganako ny tenako amin'ny maty"

**ny tenako ihany no manolotra izany**

Manamafy eto Jesosy fa Izy irery ihany no manolotra ny tenany fa tsy hoe olona no naka ny ainy taminy. DH: "Izaho mihintsy no manolotra izany"

**Izany didy izany dia azoko avy tamin'ny Raiko**

"Izany no nandidian'ny Raiko ho ataoko." Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**John 10:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireto andininy ireto dia milaza ny fomba namalian'ireo Jiosy ny zavatra nolazain'i Jesosy.

**Nahoana ianareo no mihaino Azy?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny hoe tsy tokony hihaino an'i Jesosy ny olona. DH: "Aza mihaino Azy!"

**Moa ny demonia afaka mampahiratra ny mason'ny jamba?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Mazava ho azy fa ny demonia dia tsy afaka ny mampahiratra ny mason'ny jamba!" na "Mazava ho azy fa ny demonia dia tsy afaka mamerina ny fahitana ho an'ny olona jamba!"

**John 10:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny fizarana manaraka ao amin'ny tantara. Tonga ny fetin'ny Fanokanana ary manomboka mametra-panontaniana an'i Jesosy ny sasany. Ireo andininy faha-22 sy 23 dia manome fampahafantarana fototra momban'ny fizotry ny tantara.

**fetin'ny Fanokanana**

Ity dia fialan-tsasatry ny ririn'ireo Jiosy mandritry ny valo andro mba hahatsiarovana ny fahagagana izay nanaovan'Andriamanitra an'ilay menaka kely naharitra nirehitra tamin'ilay fanaovan-jiro nandritry ny valo andro. Izy ireo dia nandrehitra fanaovan-jiro mba ho fanokanana ny tempolin'ireo Jiosy ho an'Andriamanitra. Ny fanokanana zavatra dia mampanantena fa hampiasa izany amin'ny antony manokana.

**Jesosy nitsangana teo an-kianjan'ny tempoly**

Ny faritra izay nandehan'i Jesosy dia ny kianjan'ny Tempoly izay any ivelan'ny Tempoly. DH: "Jesosy dia nandehandeha teo an-kianjan'ny tempoly"

**fialofana**

Ity dia zavatra mifandray amin'ny fidirana ao an-trano; misy tafo izany ary mety na mety tsy misy rindrina.

**Avy eo notangoronan' ireo Jiosy Izy**

Eto ny "Jiosy" dia manambara ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Avy eo ireo mpitarika Jiosy niodidina Azy"

**hampisalasalainao anay**

Ity dia fomba fiteny. DH: "hampanotanianao tena anay"

**John 10:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy manomboka mamaly ireo Jiosy.

**amin'ny anaran'ny Raiko**

Eto ny "anarana" dia maneho ny herin'Andriamanitra. Eto ny "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra. Jesosy dia manao fahagagana amin'ny alalan'ny hery sy fahefan'ny Rainy. DH: "amin'ny alalan'ny herin'ny Raiko" na "miaraka amin'ny herin'ny Raiko"

**ireo no manambara ny mahakasika Ahy**

Ny fahagagany dia manome porofo momba Azy tahaka ny olona izay mijoro vavolombelona hanome porofo eo amin'ny kianjan'ny fitsarana. DH: "manome porofo mahakasika Ahy"

**tsy mba ondriko**

Ny teny hoe "ondry" dia sari-teny ho an'ireo mpanara-dia an'i Jesosy. DH: "tsy mpanara-dia Ahy" na "tsy mba ireo mpianatro"

**John 10:27****Mandre ny feoko ny ondriko**

Ny teny hoe "ondry" dia sari-teny ho an'ireo mpanara-dia an'i Jesosy. DH: "Tahaka ireo ondry izay mankatoa ny feon'ny mpiandry azy ireo, no hitandreman'ireo mpanaradia Ahy ny feoko"

**tsy hisy handrombaka azy eo am-pelantanako**

Eto ny teny hoe "am-pelantanako" dia maneho ny fiahian'i Jesosy feno fiarovana. DH: "tsy hisy hangalatra azy ireo ety amiko" na "izy ireo dia ho voaaro mandrakizay eto amin'ny fiahiko"

**John 10:29****Ny Raiko, izay nanome ireo Ahy**

Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**eo am-pelatanan'ny Ray**

Eto ny teny hoe "am-pelantanana" dia maneho ny fananana sy fiarovan'Andriamanitra. DH: "tsy hisy afaka hangalatra azy ireo eny amin'ny Raiko"

**Izaho sy ny Ray dia iray ihany**

Jesosy, ilay Andriamanitra Zanaka, sy Andriamanitra Ray dia iray. Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**Avy eo naka vato indray ireo Jiosy**

Ny teny hoe "Jiosy" dia milaza ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Avy eo ireo mpitarika Jiosy nanomboka naka vato indray"

**John 10:32****Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Maro ny asa tsara nasehoko anareo avy tamin'ny Ray"**

Jesosy dia nanao fahagagana tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**Koa inona tamin'ireny asa ireny no hitorahanareo vato Ahy?**

Ity fanontaniana ity dia mampiasa heso-teny. Jesosy dia mafantatra fa ireo mpitarika Jiosy dia tsy tehitra-bato Azy satria nanao asa tsara Izy.

**Namaly Azy ireo Jiosy hoe**

Ny teny hoe "Jiosy" dia maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Namaly ireo Jiosy mpanohitra" na "Namaly Azy ireo mpitarika Jiosy"

**manao ny tenanao ho Andriamanitra.**

"manambara ho Andriamanitra"

**John 10:34****Tsy efa voasoratra ... andriamanitra ianareo'?"**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Tsy efa tokony ho fantatrareo ve fa efa voasoratra ao amin'ny lalanareo izay nolazaiko hoe : 'Ianareo dia andriamanitra'

**andriamanitra ianareo**

Eto Jesosy dia mamerina ny teny ao amin'ny Soratra Masina izay niantsoan'Andriamanitra ireo mpanara-dia Azy hoe "andriamanitra," mety hoe satria Izy dia nifidy azy ireo ho solon-tenany eto an-tany.

**niavian'ny tenin'Andriamanitra**

"Andriamanitra niteny ny teniny"

**ny Soratra Masina dia tsy azo foanana**

Ny mety ho dikany: 1) "Tsy misy olona afaka manova ny Soratra Masina" na 2) "Ny Soratra Masina dia marina mandrakariva"

**moa ve ilay nohamasinin'ny Ray sy nirahina ho amin'izao tontolo izao no ataonareo hoe: 'Miteny ratsy Ianao,' noho Izaho niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra'?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. Ireo mpifanohitra an'i Jesosy dia nino fa Jesosy dia nanao blasfemia amin'ny hiantsoany ny tenany hoe Zanak'Andriamanitra." Fantatr'izy ireo fa milaza ny

tenany ho mitovy amin'Andriamanitra Izy. DH:  
 "Ianareo dia tsy tokony hiteny amin'ilay tokana izay  
 nalefan'Andriamanitra manokana eto amin'ity tany  
 ity hoe: "Ianao dia miteny ratsy an'Andriamanitra,"  
 rehefa miteny anareo Aho fa Izaho no  
 Zanak'Andriamanitra!"

#### **Ray ... Zanak'Andriamanitra**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny  
 fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

#### **John 10:37**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny famalian'i Jesosy an'ireo Jiosy.

##### **mino Ahy**

Ny teny hoe "Mino" dia midika hoe manaiky na  
 mahatoky fa marina izay nolazain'i Jesosy.

##### **minoa ireo asa**

Eto ny hoe "mino" dia manaiky fa ireo asa nataon'i  
 Jesosy dia avy amin'Andriamanitra.

##### **ny Ray dia ato Amiko ary Izaho ao amin'ny Ray**

Ireo dia fomba fiteny hilazana ny fifandraisana  
 akaiky eo amin'Andriamanitra sy Jesosy. DH: "Ny  
 Raiko sy Izaho dia mitambatra ho iray tanteraka.

#### **John 10:40**

##### **an-dafin'i Jordana**

Jesosy dia teny ampitan'ny reniranon'ny Jordana.  
 DH: "teny antsinanan'ny reniranon'i Jordana"

##### **ary nitoetra teo**

Jesosy dia nijanona teny amin'ny sisin'ny  
 antsinanan'i Jordana nandritry ny fotoana fohy. DH:  
 "Jesosy dia nijanona teny nanditry ny andro  
 maromaro"

##### **Jaona tsy mba nanao famantarana, fa ny zavatra rehetra nolazain'i Jaona momba io lehilahy io dia marina**

"Marina fa tsy nanao famantarana Jaona, fa ny azo  
 antoka dia marina izay nolazainy momban'io  
 lehilahy izay manao famantarana io."

##### **famantarana**

Izany dia fahagagana izay manapororo fa marina ny  
 zavatra iray na manome fahatokisana ny amin'ny  
 olona iray.

##### **nino**

Eto ny hoe "nino" dia midika hoe nanaiky na  
 nahatoky an'izay notenenin'i Jesosy

## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary nisy lehilahy iray narary antsoina hoe Lazarosy. Avy ao Betania izy, tanànan'i Maria sy Marta rahavaviny. <sup>2</sup> Maria no nanosotra menaka manitra ny Tompo sy nanadio ny tongony tamin'ny volony, ary Lazarosy anadahiny no narary. <sup>3</sup> Ary ireo mpirahavavy naniraka olona ho any amin'i Jesosy, nilaza hoe: "Tompo, jereo, fa marary ilay tianao." <sup>4</sup> Rehefa ren'i Jesosy izany, dia hoy Izy hoe: "Tsy fahafatesana no hiafaran'ity aretina ity, fa kosa ho fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra mba hanandratana ny Zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'izany." <sup>5</sup> Ary Jesosy dia tia an'i Marta sy ny rahavaviny ary Lazarosy. <sup>6</sup> Ka rehefa nandre Jesosy fa marary Lazarosy, dia mbola nijanona roa andro tao amin'ny toerana nizy Azy Izy. <sup>7</sup> Ary taorian'izany, dia niteny tamin'ireo mpianatra Izy hoe: "Andeha isika ho any Jodia indray." <sup>8</sup> Hoy ireo mpianatra taminy hoe: "Raby, amin'izao dia mikasa ny hitora-bato Anao ireo Jiosy, ka mbola hiverina ho any indray ve Ianao?" <sup>9</sup> Ary namaly Jesosy hoe: "Tsy roa ambin'ny folo ora ve ny fahazavan'ny andro? Raha misy olona mandeha amin'ny andro mazava, dia tsy ho tafintohina izy, satria mahita ny fahazavan'izao tontolo izao." <sup>10</sup> Kanefa, raha mandeha amin'ny alina izy, dia ho tafintohina satria tsy ao aminy ny fahazavana." <sup>11</sup> Nilaza ireo zavatra ireo Izy, ary taorian'ireo zavatra ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Resin-tory Lazarosy namantsika, fa handeha Aho mba hafahako mamoha azy amin'ny torimasao." <sup>12</sup> Ka hoy ireo mpianatra taminy hoe: "Tompo, raha resitory izy, dia ho tsara." <sup>13</sup> Kanefa Jesosy nilaza ny fahafatesany, saingy noheverin'izy ireo fa fialan-tsasatra amin'ny torimasao no nolazainy. <sup>14</sup> Avy eo Jesosy niteny tsotra tamin'izy ireo hoe: "Maty Lazarosy." <sup>15</sup> Faly aho, nohon'ny aminareo, fa tsy tany Aho mba hahatonga anareo hino. Andeha isika ho any aminy." <sup>16</sup> Tomasy, izay antsoina hoe Didymo, dia niteny tamin'ireo mpianatra namany hoe: "Andeha koa isika mba hiara-maty amin'i Jesosy." <sup>17</sup> Rehefa tonga Jesosy, dia hitany fa efa nalevina efatr'andro tao am-pasana Lazarosy. <sup>18</sup> Ary Betania dia efa akaiky an'i Jerosalema, eo amin'ny dimy ambin'ny folo stadio eo no elanelany. <sup>19</sup> Maro ireo Jiosy tonga tao amin'i Marta sy Maria, mba hampahery azy ireo nohon'ny fahafatesan'ny anadahin'izy ireo. <sup>20</sup> Avy eo Marta, rehefa nandre fa tonga Jesosy, dia nandeha nitsena Azy, fa Maria kosa nipetraka tao an-trano. <sup>21</sup> Dia niteny tamin'i Jesosy Marta hoe: "Tompo, raha teto ianao, dia tsy maty ny anadahiko." <sup>22</sup> Nefa na dia izao ankehitriny izao aza, dia fantatro fa na inona na inona angatahinao amin'Andriamanitra, dia homeny anao izany." <sup>23</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Ny anadahinao dia hitsangan-ko velona indray." <sup>24</sup> Marta niteny taminy hoe: "Fantatro fa hitsangana indray izy amin'ny fitsanganana ny maty amin'ny andro farany." <sup>25</sup> Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho no fananganana ny maty ary fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia ho velona; <sup>26</sup> ary na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany ve ianao?" <sup>27</sup> Hoy izy taminy hoe: "Eny, Tompo, mino aho fa ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ilay ho tonga eto amin'izao tontolo izao." <sup>28</sup> Rehefa voalazany izany, dia lasa izy niantso mangingina an'i Maria rahavaviny. Hoy izy hoe: "Tonga ny Mpampianatra ary miantso anao izy." <sup>29</sup> Rehefa ren'i Maria izany, dia nitsangana faingana izy dia nankany aminy. <sup>30</sup> Ary Jesosy tsy mbola tonga tao an-tanàna fa mbola teo amin'ilay toerana nihaonan'i Marta taminy ihany. <sup>31</sup> Noho izany ireo Jiosy, izay niaraka taminy tao an-trano sy nampahery azy, rehefa nahita an'i Maria nitsangana faingana ka lasa nivoaka, dia nanaraka azy, nihevitra fa handeha hitomany any amin'ny fasana izy. <sup>32</sup> Rehefa tonga teo amin'ny toerana nisy an'i Jesosy i Maria ka nahita Azy, dia niankohoka izy ary niteny taminy hoe: "Tompo, raha teto ianao, dia tsy maty ny anadahiko." <sup>33</sup> Rehefa nahita azy nitomany Jesosy, ary ireo Jiosy niaraka taminy koa nitomany, dia vonto ny fanahiny ary tora-kovitra Izy; <sup>34</sup> dia hoy Izy hoe: "Taiza no nandevenanareo azy?" Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Tompo, avia ary jereo." <sup>35</sup> Nitomany Jesosy. <sup>36</sup> Avy eo hoy ireo Jiosy hoe: "Jereo ny haben'ny fitiavany an'i Lazarosy!" <sup>37</sup> Fa ny sasany tamin'izy ireo niteny hoe: "Moa ve tsy hain'ity lehilahy ity, izay nampahiratra ny mason'ilay jamba, ny manao izay tsy ho nahafaty ity lehilahy ity koa?" <sup>38</sup> Avy eo indray Jesosy, raha mbola vonto ny fanahiny, dia nankeny amin'ny fasana. Ary zohy izany, ary misy vato manarona azy. <sup>39</sup> Hoy Jesosy hoe: "Esory hiala ny vato." Marta, anabavin'i Lazarosy, ilay maty, niteny tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, efa maimbo ny vatany raha amin'izao fotoana izao, satria efatr'andro izao no nahafatesany." <sup>40</sup> Ary Jesosy niteny taminy hoe: "Tsy efa nolazaiko anao ve fa, raha nino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra?" <sup>41</sup> Dia nohesorin'izy ireo ny vato. Jesosy nanandratra ny masonry ka niteny hoe: "Ray ô, misaotra Anao Aho satria nihaino Ahy Ianao." <sup>42</sup> Fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Ianao, fa nohon'ny vahoaka mijoro manodidina Ahy no nilazako izany, mba hafahan'izy ireo mino fa Ianao no naniraka Ahy." <sup>43</sup> Rehefa avy niteny izany Izy, dia niantso tamin'ny feo mafy hoe: "Lazarosy, mivoaha!" <sup>44</sup> Nivoaka ilay lehilahy maty; nisy fehim-paty ny tongony sy ny tanany, ary voafehy lamba koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Vahao izy ary avelao handeha." <sup>45</sup> Avy eo maro tamin'ireo Jiosy izay tonga tao amin'i Maria sy nahita ny nataon'i Jesosy, no nino Azy; <sup>46</sup> Fa ny sasany tamin'izy ireo kosa lasa



nandeha nankany amin'ny Fariseo ary nilaza tamin'izy ireo ny zavatra nataon'i Jesosy. <sup>47</sup> Avy eo ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo namory ny Synedriona niaraka ary nanao hoe: "Inona no hataontsika? Ity lehilahy ity dia manao famantarana maro. <sup>48</sup> Raha avelantsika amin'izao Izy, dia hino Azy ny rehetra; ary ho avy ny Romana haka ny tananàntsika sy ny firenentsika." <sup>49</sup> Kanefa, nisy lehilahy iray tamin'izy ireo, Kaiafa, izay mpisoronabe tamin'izany taona izany, nanao tamin'izy ireo hoe: "Ianareo dia tsy mahalala na inona na inona. <sup>50</sup> Tsy mieritreritra akory ianareo fa tsara ho anareo raha lehilahy iray no maty ho an'ny olona toy izay ny firenena manontolo no ringana." <sup>51</sup> Ary izay nolazainy dia tsy nataony ho azy ihany. Fa kosa, noho izy mpisoronabe tamin'io taona io, dia naminany fa tokony ho faty ho an'ny firenena Jesosy; <sup>52</sup> ary tsy ho an'ny firenena fotsiny ihany, fa mba hampiray ny zanak'Andriamanitra izay niparitaka koa. <sup>53</sup> Ka nanomboka tamin'io andro io dia nanao tetika ny fomba hamonoana an'i Jesosy izy ireo. <sup>54</sup> Ary Jesosy tsy nandeha niarahany teny amin'ireo Jiosy intsony, fa niala teo Izy nankany amin'ny tany akaikin'ny efitra ho any an-tanàna atao hoe Efraïma. Ary nonina tao Izy sy ireo mpianatra. <sup>55</sup> Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, ary maro tamin'ireo tany ivelan'ny tanàna no niakatra tao Jerosalema mialohan'ny Paska mba hanadio ny tenan'izy ireo. <sup>56</sup> Nitady an'i Jesosy izy ireo, ary nijoro teo amin'ny Tempoly nifampiresaka hoe: "Inona no eritreretinareo? Hoe tsy ho tonga amin'ny andro firavoravoana ve Izy?" <sup>57</sup> Ary efa nanome baiko ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo fa raha misy mahalala ny misy an'i Jesosy, dia tokony milaza izy mba hisamboran'izy ireo Azy.

### John 11:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity ny fizarana manaraka ao amin'ny tantara, izay miresaka ny momban'i Lazarosy. Ireto andininy ireto dia mampiditra azy ao amin'ny tantara ary manome fanazavana momba Azy sy Maria anabaviny.

#### Maria no nanosotra menaka manitra ny Tompo sy nanadio ny tongony tamin'ny volony

Raha iny Jaona nampiditra an'i Maria iny, ilay rahavavin'i Marta, dia nizara fanazavana mahakasika ny zavatra izay hitranga ao amin'ny tantara ihany koa izy.

### John 11:3

**naniraka olona ho any amin'i Jesosy**  
"nangataka an'i Jesosy mba ho tonga"

#### tianao

Eto ny "fitiavana" dia maneho ny fitiavana arapirahalalahiana, voajanahary, fitiavan'olombelona eo amin'ny mpinamana sy ny mpihavana.

**Tsy fahafatesana no hiafaran'ity aretina ity**  
Jesosy dia manambara fa fantany izay hitranga amin'i Lazarosy sy ny aretina. DH: "Tsy fahafatesana no hiafaran'ity aretina ity"

#### fahafatesana

Ity dia maneho ny fahafatesana ara-nofo.

#### fa kosa ho fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra mba hanandratana ny Zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'izany.

Jesosy dia manambara fa fantany ny ho vokatr'izany. DH: "fa ny tanjona dia ny mba hahitan'ny olona ny alehiben'Andriamanitra noho ireo izay ho avelan'ny heriny ho ataoko.

### John 11:5

**Ary Jesosy dia tia an'i Marta sy ny rahavaviny ary Lazarosy**  
Ity dia fampahafantarana fototra.

### John 11:8

#### Raby, amin'izao dia mikasa ny hitora-bato Anao ireo Jiosy, ka mbola hiverina ho any indray ve Ianao?

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana fa ireo mpianany dia tsy te-hamela an'i Jesosy ho any Jerosalema. DH: "Mpampianatra, mino izay fa tsy te-hiverina any Ianao! Ireo Jiosy dia niezaka ny hitora-bato anao tamin'ny Ianao tany farany!"

#### Ireo Jiosy

Ireo "Jiosy" dia midika hoe ireo mpitarika Jiosy. DH: "Ireo mpitarika Jiosy"

#### Tsy roa ambin'ny folo ora ve ny fahazavan'ny andro?

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ny hevitra. DH: "Ianao dia mahafantatra fa ny andro dia misy roa ambin'ny folo ora mazava!"

#### Raha misy olona mandeha amin'ny andro mazava, dia tsy ho tafintohina izy, satria mahita ny fahazavan'izao tontolo izao

Ny olona mandeha amin'ny fahazavan'ny andro dia afaka mahita tsara sy tsy ho tafintohina. Ny "Fahazavana" dia sari-teny hilazana ny "fahamarinana." Jesosy dia milaza fa ny olona izay miaina araky ny fahamarinana dia afaka hanatanteraka ireo zavatra izay tian'Andriamanitra ataon'izy ireo"

**John 11:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**raha mandeha amin'ny alina izy**

Eto ny "alina" dia sari-teny ho entina maneho izay mandeha tsy miaraka amin'ny fahazavan' Andriamanitra.

**tsy ao aminy ny fahazavana**

Mety ho dikany: "Izy dia tsy afaka ahita" na "izy dia tsy manana ny fahazavan'Andriamanitra."

**Resin-tory Lazarosy namantsika**

Ny hoe "resitory" dia fomba fiteny hilazana fa maty Lazarosy. Raha manana fomba hilazana ity ny fiteninao, dia ampiasao eto izany

**fa handeha Aho mba hafahako mamoha azy amin'ny torimaso**

Ny teny hoe "mamoha azy amin'ny torimaso" dia fomba fiteny. Jesosy dia mampiseho ny fikasany hanangana an'i Lazarosy amin'ny maty. Raha manana fomba fiteny ho an'ity ny fiteninao, dia ampiasao eto.

**John 11:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha-13 dia misy fihatoana amin'ny fizotry ny tantara raha manome ny heviny Jaona momban'ny tsy fahazoan'ireo mpianatra izay tian'i Jesosy nolazaina tamin'Izy niteny hoe resin-tory Lazarosy.

**raha resin-tory izy**

Ireo mpianatra dia tsy mahazo ny tian'i Jesosy hambara amin'ny hoe miala sasatra Lazarosy ary ho sitranina.

**Avy eo Jesosy niteny tsotra tamin'izy ireo**

"Ka nolazain'i Jesosy tamin'ny teny tsotra mba ho takatr'izy ireo"

**John 11:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**nohon'ny aminareo**

"nohonny tombotsoanareo"

**fa tsy tany Aho mba hahatonga anareo hino**

"fa tsy tany Aho. Noho izany ianareo dia hianatra hahatoky Ahy be be kokoa."

**Didymo**

Ity dia anaran-dehilahy izay midika hoe "kambana"

**John 11:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia ao Betania izao. Ireto andininy ireto dia manome fampahafantarana fototra mahakasika ny toerana sy izay nitranga talohan'ny nahatongavan'i Jesosy.

**hitany fa efa nalevina efatr'andro tao am-pasana****Lazarosy**

DH: "Nahare Izy fa efa napetrak'ireo olona tany am-pasana efa efatra andro lasa izay Lazarosy"

**dimy ambin'ny folo stadio eo no elanelany**

"manodidina ny telo kilometatra." Ny "stadio" dia 185 kilometatra eo.

**nohon'ny fahafatesan'ny anadahin'izy ireo.**

Lazarosy dia zandrin'izy ireo lahy. DH: "nohon'ny fahafatesan'ny zandrin'izy ireo lahy.

**John 11:21****dia tsy maty ny anadahiko**

Lazarosy dia ilay zandry lahy. DH: "mety mbola velona ny zandriko lahy"

**Ny anadahinao dia hitsangan-ko velona indray**

"Ny zandrinao lahy dia ho velona indray"

**John 11:24****hitsangana indray izy**

"ho velona indray izy"

**na dia maty aza izy**

Ny teny hoe "maty" dia maneho ny fahafatesana ara-nofa.

**ho velona**

Eto ny "velona" dia maneho ny fiainana ara-panahy.

**na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay**

"Ireo izay velona sy mahatoky Ahy dia tsy ho voasaraka mandrakizay amin'Andriamanitra" na "Ireo izay velona sy mahatoky Ahy dia ho velona ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra mandrakizay"

**tsy ho faty mandrakizay**

Eto ny "maty" dia maneho ny fahafatesana ara-panahy.

**John 11:27****Hoy izy taminy hoe**

"Marta niteny tamin'i Jesosy"

**Eny, Tompo, mino aho fa Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ilay ho tonga eto amin'izao tontolo izao**  
Marta dia mino fa Jesosy no Tompo, ilay Kristy (Ilay Messia), ilay Zanak'Andriamanitra.

#### **Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**dia lasa izy niantso mangingina an'i Maria rahavaviny**  
Maria dia zandrin'i Marta vavy. DH: "dia lasa izy niantso mangingina an'i Maria zandriny vavy."

#### **Mpampianatra**

Ity dia fiantsoana maneho an'i Jesosy.

**ary miantso anao izy**  
"mangataka ny fahatongavanao"

#### **John 11:30**

**Ary Jesosy tsy mbola tonga tao an-tanàna**  
Eto Jaona dia mampisy fihatoana kely eo amin'ny tantara mba hanomezana fampahafantarana fototra mahakasika ny toerana misy an'i Jesosy.

#### **niankohoka**

Maria dia nandohalika teo amin'ny tongotr'i Jesosy mba hanehoana fanajana.

#### **tsy maty ny anadahiko**

Lazarosy dia zandrin'i Maria lahy. Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 11:21. DH: "dia mety mbola velona ny zandriko lahy."

#### **John 11:33**

**dia vonto ny fanahiny ary tora-kovitry Izy**  
Natambatr'i Jaona ireo fehezanteny manana dika mitovy ireo mba hanehoana ny fihetsem-po ory na mety hoe fahatezerana izay niainan'i Jesosy. DH: "Izy dia tohina tanteraka"

#### **Nitomany Jesosy**

"nanomboka nitomany Jesosy"

#### **John 11:36**

#### **fitiavany**

Ity dia maneho ny fitiavana ara-pirahalalahiana na fitiavan'olombelona ho an'ny namana sy fianakaviana.

**Moa ve tsy hain'ity lehilahy ity, izay nampahiratra ny mason'ilay jamba, ny manao izay tsy ho nahafaty ity lehilahy ity koa?**  
Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatairan'ireo Jiosy ny amin'ny tsy nanasitrana i Jesosy an'i Lazarosy. DH: "Izy dia afaka manasitrana olona jamba, koa tokony nahavita nanasitrana io lehilahy io Izy dia tsy maty io lehilahy " na "Satria tsy nanasitrana io lehilahy io Izy, dia mety hoe tsy tena

nanasitrana ilay lehilahy jamba araka ny filazan'izy ireo!"

#### **nampahiratra ny maso**

Ity dia fomba fiteny. DH: "nanasitrana ireo maso"

#### **John 11:38**

#### **Ary zohy izany, ary misy vato manarona azy**

Nahaton'i Jaona kely ny tantara mba hamaritana ilay fasana izay nandevenan'ny olona an'i Lazarosy.

#### **Marta, anabavin'i Lazarosy**

Marata sy Maria dia zokin'i Lazarosy vavy. DH: "Marta, ilay zokin'i Lazarosy vavy"

#### **efa maimbo ny vatany raha amin'izao fotoana izao**

"raha amin'izao fotoana izao dia efa simba ny vatany"

**Tsy efa nolazaiko anao ve fa, raha nino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana fa hanao zavatra mahafinaritra Andriamanitra. DH: "Izaho efa niteny taminao fa raha mahatoky Ahy ianao, dia hahita izay afaka ataon'Andriamanitra.

#### **John 11:41**

#### **Jesosy nanandratra ny masony**

Ity dia fomba fiteny midika hoe mijery ambony. DH: "Jesosy dia nijery ambony tany an-danitra"

#### **Ray ô, misaotra Anao Aho satria nihaino Ahy Ianao**

Jesosy nivavaka mivantana tamin'ny Ray mba hafahan'ny olona manodidina mahare ny vavaka ataony. DH: "Ray, misaotra Anao Aho fa nihaino Ahy Ianao" na "Ray, misaotra Anao Aho fa nandre ny vavaka nataoko Ianao."

#### **Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

#### **mba hafahan'izy ireo mino fa Ianao no naniraka Ahy**

"Izaho dia te-hampino azy ireo fa Ianao no naniraka Ahy"

#### **John 11:43**

#### **Rehefa avy niteny izany Izy**

"Rehefa avy nivavaka Jesosy"

#### **niantso tamin'ny feo mafy**

"niantso mafy Izy"

#### **nisy fehim-paty ny tongony sy ny tanany, ary voafehy lamba koa ny tavany**

Ny fomba fandevenana tamin'izany dia rakofana amin'ny lamban-drongony ny maty. DH: "Nisy olona nandrakotra lamba ireo tanany sy ireo tongony. Avy eo dia nofatoran'izy ireo lamba ny tavany.

**Hoy Jesosy tamin'izy ireo**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo olona nanatrika sy nahita maso ny fahagagana.

**John 11:45****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireto andininy ireto dia miteny antsika ny zavatra izay hitranga aorian'ny hanangana'i Jesosy an'i Lazarosy amin'ny maty.

**John 11:47****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara. Ireo lohan'ny mpisorona sy ireo Fariseo dia nitambatra mba hivory ho amin'ny synedriona Jiosy.

**Avy eo ny lohan'ny mpisorona**

"Avy eo ireo mpitarika eo amin'ireo mpisorona"

**Inona no hataontsika?**

Ity eto dia midika fa ireo mpikambana ao amin'ny synedriona dia miresaka momban'i Jesosy. DH: "Inona ary no hataontsika mahakasika an'i Jesosy?"

**hino Azy ny rehetra**

Ireo mpitarika Jiosy dia natahotra fa sao ataon'ireo vahoaka mpanjakan'izy ireo Jesosy. DH: "ny olona rehetra dia hatoky Azy ary hanohitra ny fanjakana Romana."

**ho avy ny Romana**

Ny Romana eto dia milaza ny tafika romana. DH: "Ny tafika romana dia ho avy"

**haka ny tanànantsika sy ny firenentsika**

"handrava ny tempolintsika sy ny firenentsika"

**John 11:49****nisy lehilahy iray tamin'izy ireo**

Ity dia fomba fampidirana mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara. Raha manana fomba fanaovana izany ny fiteninao, dia hampisao eto.

**Ianareo dia tsy mahalala na inona na inona**

Ity dia filaza masaka izay nampiasain'i Kaiafa mba hanasongadinana ny heviny. DH: "Ianareo dia tsy mahatakatra ny zavatra miseho!" na "Ianareo dia miteny toy ny tsy mahafantatra na inona na inona!"

**toy izay ny firenena manontolo no ringana**

Kaiafa dia milaza fa ny tafika Romana dia hamono ny olona avy ao amin'ny firenena Jiosy raha havela ho velona sy hahatonga fikomiana Jesosy. Ny teny hoe "firenena" eto dia maneho ireo vahoaka Jiosy rehetra. DH: "toy izay ny tafika Romana no hamono ny olona rehetra ao amin'ny firenentsika."

**John 11:51****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 51 sy 52 Jaona dia manazava fa Kaifa dia naminany na dia tsy fantany aza izany tamin'izany fotoana izany. Ity dia fampahafantarana fototra.

**ho faty ho an'ny firenena**

Ny teny hoe "firenena" dia milaza ny vahoakan'ny firenena Isiraely.

**mba hampiray ny zanak'Andriamanitra izay niparitaka koa**

DH: "mba hampiray ny zanak'Andriamanitra izay niparitaka ho vahoaka iray"

**zanak'Andriamanitra**

Ity dia maneho ireo olon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy sy zanak'Andriamanitra ara-panahy.

**John 11:54****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia niala tao Betania ka nankany Efraima. Ao amin'ny andininy faha-55 ny tantara dia miresaka ny hataon'ny maro amin'ireo Jiosy izao akaiky Paska izao.

**nandeha niharilahy teny amin'ireo Jiosy**

Eto "ireo Jiosy" dia entina milaza ireo mpitarika Jiosy. DH: "nandeha niharilahy teny amin'ireo mpitarika Jiosy izay nanohitra Azy"

**any an-tanàna**

Toerana kely ivelan'ny tanàn-dehibe izay misy olona vitsy monina.

**Ary nonina tao Izy sy ireo mpianatra**

Jesosy sy ireo mpianany dia nipetraka tao Efraima nandritry ny fotoana fohy. DH: "Teo Izy no niaraka nipetraka tamin'ireo mpianany nandritry ny fotoana fohy"

**niakatra tao Jerosalema**

Ny hoe "niakatra" dia nampiasaina eto satria Jerosalema dia avo noho ireo tanàna manodidina.

**John 11:56****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny zavatra tantaraina ao amin'ny andininy faha-57 dia miseho mialohan'ny andininy faha-56. Raha mety hampikorontana ny mpamakin'izany, dia afaka atambatrao ireo andininy ireo ary ny lahatsoratra ao amin'ny andininy faha-57 no atao alohan'ny faha-56.

**Nitady an'i Jesosy izy ireo**

Ny teny hoe "Izy ireo" dia maneho ireo vahoaka Jiosy izay nandeha ho any Jerosalema.

**Inona no eritreretinareo? Hoe tsy ho tonga amin'ny andro firavoravoana ve Izy?**

Ireo dia fanontaniana maneho fisalasalana lehibe raha ho tonga amin'ny lanonana firavoravoan'ny Pasaka Jesosy. Ny mpanoratra eto dia manontany tena raha ho avy amin'ny firavoravoana Jesosy nohon'ny fisian'ny loza hisamborana Azy. DH:  
"Jesosy dia mety tsy ho tonga amin'ilay

firavoravoana. Mety matahotra ny ho voasambotra Izy!"

**Ary efa nanome baiko ny lohan'ny mpisorona**

Ity dia fampahafantarana fototra izay manazava ny antony nanontanian'ireo mpivavaka Jiosy tena raha ho avy amin'ilay lanonana Jesosy na tsia. Raha manana fomba hanamarihana fampahafantarana fototra ny fiteninao, dia hampiasao eto.

## Chapter 12

<sup>1</sup> Enin'andro mialohan'ny Paska, dia tonga tao Betania Jesosy, izay nitoeran'i Lazarosy, ilay efa natsangan'i Jesosy tamin'ny maty. <sup>2</sup> Ka nanao sakafo ho Azy izy ireo, ary Marta no nandroso azy ireo, fa Lazarosy kosa dia anisan'ireo niara-nipetraka tamin'i Jesosy teo amin'ny latabatra. <sup>3</sup> Avy eo Maria naka menaka manitra iray litatra izay vita tamin'ny narda sarobidy, ka nanosotra ny tongotr'i Jesosy tamin'izany, ary namafa ny tongony tamin'ny volon-dohany. Feno ny hanitr'ilay menaka ny trano. <sup>4</sup> Ary Jodasy Iskariota, iray tamin'ireo mpianany, izay hamadika Azy, nanao hoe: <sup>5</sup> "Nahoana io menaka io no tsy namidy 300 dinaria dia nomena ny mahantra?" <sup>6</sup> Ary izy milaza izany, tsy nohon'ny fahiany ny mahantra, fa satria mpangalatra izy: teny aminy ny kitapom-bola ary ho nangalariny izay natao tao. <sup>7</sup> Jesosy nanao hoe: "Avelao izy mba hitazona izay hananany ho amin'ny andro handevenana Ahy. <sup>8</sup> Ho eo aminareo mandrakariva ny mahantra, fa Izaho kosa tsy ho eo aminareo mandrakariva." <sup>9</sup> Ary nisy vahoaka maro tamin'ireo jiosy nahalala fa teo Jesosy, ka nanatona izy ireo, tsy ho an'i Jesosy irery ihany, fa mba hahita an'i Lazariosy ihany koa, ilay natsangan'i Jesosy tamin'ny maty. <sup>10</sup> Ireo lohan'ny mpisorona dia nitetika niaraka mba hahafahan'izy ireo manosika an'i Lazarosy amin'ny fahafatesana ihany koa; <sup>11</sup> satria noho Izy no nahatonga ny ankamaroan'ireo jiosy andeha ary nino an'i Jesosy. <sup>12</sup> Ny ampitso dia vahoaka maro no tonga tamin'ny andro firavoravoana. Rehefa ren'izy ireo fa ho avy ao jerosalema Jesosy, <sup>13</sup> dia naka sampan-drofia izy ireo ary nivoaka ka nitsena Azy tamin'ny antso mafy hoe: "Hosanna! Sambatra anie ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo, Ilay mpanjakan'Israely." <sup>14</sup> Ary Jesosy nahita zana-boriky anankiray ka nipetraka teo amboniny; <sup>15</sup> Araka ny voasoratra hoe: "Aza matahotra, ry zanakavavin'i Ziona; jereo, indro tamy ny Mpanjakanareo, izay mipetraka eo ambonin'ny zana-boriky." <sup>16</sup> Tsy nahazo ireo zavatra ireo ny mpianany tamin'ny voalohany; fa rehefa nomem-boninahitra Jesosy, dia tsaroan'izy ireo fa voasoratra momba Azy ireo zavatra ireo ary efa nataon'izy ireo taminy izany. <sup>17</sup> Ary ireo vahoaka izay niaraka taminy tamin'ny niantsoany an'i Lazarosy hivoaka ny fasana sy nanangana azy tamin'ny maty dia samy nijoro vavolombelona avy. <sup>18</sup> Noho izany antony izany ihany koa no nahatonga ny vahoaka hitsena Azy, satria ren'izy ireo fa nanao izany famantarana izany Izy. <sup>19</sup> Ireo Fariseo noho izany nifampiresaka hoe: "Jereo, tsy afaka manao na inona na inona ianareo; indro, manaraka Azy izao tontolo izao." <sup>20</sup> Ary nisy grika vitsivitsy tamin'ireo izay niakatra hidera any amin'ny firavoravoana. <sup>21</sup> Nankany amin'i Filipo izy ireo, izay avy any Betsaida any Galilia, ary nanontany azy, manao hoe: "Tompoko, mba ta-hahita an'i Jesosy izahay." <sup>22</sup> Dia lasa Filipo ka niteny tamin'i Andrea; dia lasa Andrea niaraka tamin'i Filipo, ary niteny an'i Jesosy izy ireo. <sup>23</sup> Jesosy namaly azy ireo ka nanao hoe: "Efa tonga ny fotoana hanomezana voninahitra ny Zanak'Olonà. <sup>24</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa raha tsy latsaka amin'ny tany ny voambary ka maty, dia mitoetra amin'ny tenany irery izany; fa raha maty izany, dia hamokatra be. <sup>25</sup> Izay tia ny fiainany dia hanary izany; fa izay mankahala ny fiainany eto amin'izao tontolo izao kosa dia hitazona izany ho any amin'ny fiainana mandrakizay. <sup>26</sup> Raha misy manompo Ahy, aoka izy hanaraka Ahy; ary izay hitoerako, dia ao ihany koa no hitoeran'ny mpanompoko. Raha misy manompo Ahy, dia hanome voninahitra azy ny Ray. <sup>27</sup> Ankehitriny mangorohoro ny fanahiko ary inona no tokony ho teneniko? 'Ray o, vonjeo amin'ity ora ity Aho?' Kanefa noho izany antony izany no nahatongavako amin'izao fotoana izao. <sup>28</sup> Ray o, hankalazao ny anaranao." Avy eo nisy feo nanako avy any an-danitra nanao hoe: "Efa nankalazaiko izany ary mbola ho hankalazaiko indray." <sup>29</sup> Ary ireo vahoaka nitsangana teo sy nandre izany dia nilaza fa nisy kotroka teo. Ny sasany nilaza hoe: "Nisy anjely niresaka taminy." <sup>30</sup> Jesosy namaly ary niteny hoe: "Izany feo izany dia tsy tonga ho Ahy, fa ho anareo. <sup>31</sup> Tonga ankehitriny ny fitsarana an'izao tontolo izao: Ary dia ho roahina ny mpanapaka izao tontolo izao. <sup>32</sup> Rehefa hasandratra hiala amin'ny tany Aho, dia hitaona ny tsirairay hanaraka Ahy." <sup>33</sup> Nolazainy izany mba hanehoana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hafatesany. <sup>34</sup> Ireo vahoaka namaly Azy hoe: "Renay tamin'ny lalàna fa Kristy dia hijanona mandrakizay. Ahoana no hafahanao milaza hoe: 'Ny Zanak'Olonà dia tsy maintsy hasandratra'? Iza izany Zanak' Olona izany?" <sup>35</sup> Avy eo Jesosy niteny azy ireo hoe: "Ny hazavana dia mbola hiaraka aminareo mandritry ny fotoana fohy. Mandehana dieny mbola manana hazavana, mba tsy hafahan'ny haizaina mialoha anareo. Izay mandeha amin'ny haizina dia tsy mahalala ny lalana alehany. <sup>36</sup> Raha mbola manana ny hazavana ianareo, dia minoa izany mba ho zanakin'ny hazavana ianareo." Jesosy nilaza ireo zavatra ireo ary avy eo dia tsy hita ary niery azy ireo. <sup>37</sup> Na dia nanao famantarana maro teo anatrehan'izy ireo aza Jesosy, dia tsy ninoan'izy ireo <sup>38</sup> mba ho tanteraka ny tenin'Isaia mpaminany, izay nilazany hoe: "Tompoko, iza no nino ny tatitray, ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny Tompo?" <sup>39</sup> Noho izany antony izany dia tsy nino izy ireo, araka ny voalazan'Isaia hatrany hoe: <sup>40</sup> "Nohajambainy ny mason'izy ireo, ary nohamafisiny ny fon'izy ireo; mifanohitra amin'izany izy ireo dia te-hahita amin'ny mason'izy ireo ary

hahazo amin'ny fon'izy ireo, ka hitodika, ary Izaho hanasitrana azy ireo." <sup>41</sup> Isaia nilaza ireo zavatra ireo satria hitany ny voninahitr'i Jesosy ka niresaka momba Azy. <sup>42</sup> Kanefa na izany aza, dia maro tamin'ireo mpanapaka no nino an'i Jesosy; fa noho ireo Fariseo, dia tsy niaiky izany izy ireo mba tsy ho voasakana ho ao amin'ny synagoga. <sup>43</sup> Tian'izy ireo kokoa ny fiderana avy amin'ny olona noho ny fiderana avy amin'Andriamanitra. <sup>44</sup> Jesosy niantso mafy ka niteny hoe: "Izay iray mino Ahy, aza mino Ahy irery ihany fa koa Izy izay naniraka Ahy, <sup>45</sup> ary izay iray mahita Ahy dia mahita Azy izay naniraka Ahy. <sup>46</sup> Izaho dia tonga toy ny hazavana teto amin'izao tontolo izao, mba tsy hitoetra ao anaty haizina izay mino Ahy. <sup>47</sup> Raha misy maheno ny teniko nefa tsy mitandrana izany, dia tsy hitsara azy Aho; satria Aho tsy tonga hitsara izao tontolo izao, fa hanavotra izao tontolo izao. <sup>48</sup> Izay mandà Ahy sy tsy mandray ny teniko, dia manana iray izay mitsara azy. Ilay teny izay nolazaiko no hitsara azy amin'ny andro farany. <sup>49</sup> Fa Izaho tsy miteny ho Ahy, fa ilay Ray izay naniraka Ahy, izay nanome Ahy ny didy amin'izay ho lazaina sy ho tenenina. <sup>50</sup> Fantatro fa ny didiny dia fiainana mandrakizay, koa izay lazaiko\_ dia lazaiko araka izay nolazain'ny Ray tamiko."

### John 12:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity ny fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy dia nisakafo hariva tao Betania rehefa nosoran'i Maria menaka ny tongony.

#### litatra

Ny iray litatra dia milanja iray ampahan-telo kilao. (3kg).

#### menaka manitra

Ity dia tsiranoka manitra namboarina tamin'ny menaka manitra avy amin'ny zava-maniry sy voninkazo manitra.

#### narda

Ity dia menaka manitra vita avy amin'ny voninkazo izay avy any Nepaly, Sina ary India.

### John 12:4

#### izay hamadika Azy

"Ilay iray izay hamela ireo fahavalon'i Jesosy hisambotra Azy afaka fotoana fohy"

#### Nahoana io menaka io no tsy namidy 300 dinaria dia nomena ny mahantra?

DH: "Ity menaka manitra ity dia afaka namidy 300 denaria dia afaka nomena ireo mahantra ny vola!"

Ary izy milaza izany ... ary ho nangalariny izay natao tao Jaona dia manazava ny antony nametrahana'i Jodasy fanontaniana mahakasika ny mahantra. Raha manana fomba hanondroana fampahafantarana fototra ny fiteninao, dia hampiasao eto izany.

#### izy milaza izany, tsy nohon'ny fiahiany ny mahantra, fa satria mpangalatra izy

"Niteny izany izy satria izy dia mpangalatra. Izy dia tsy niraharaha ireo mahantra"

### John 12:7

#### Avelao izy mba hitazona izay hananany ho amin'ny andro handevenana Ahy

Ny tian'i Jesosy ho tenenia dia hoe ny fihetsik'ilay vehivavy dia tahaka ny hoe maminavina ny fahafatesana sy fandevenana an'i Jesosy. DH: "Avelao izy hampiseho hoe hatraiza ny fankasitrahany Ahy! Amin'izany fomba izany dia efa nanomana ny vatako amin'ny fandevenana izy"

#### Ho eo aminareo mandrakariva ny mahantra

Jesosy dia te-hilaza hoe hisy fona ny fahafahana manampy ireo olona mahantra. DH: "Hisy olona mahantra foana eo aminareo, ary ianareo dia afaka manampy azy ireo na oviana na oviana tianareo"

### John 12:9

#### Ary

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fhiatoana eo amin'ny fizotry ny tantara fototra. Eto Jaona dia miresaka momban'ireo vondron'olona vaovao avy any Jerosalema ka tonga tao Betania.

#### noho Izy

Ny fahaveloman'i Lazarosy indray dia nahatonga Jiosy maro nino an'i Jesosy.

#### nino an'i Jesosy

Ity dia milaza fa maro tamin'ireo vahoaka Jiosy no nino an'i Jesosy ho ilay Zanak'Andriamanitra. DH: "nametraka ny fahatokisan'izy ireo teo amin'i Jesosy"

### John 12:12

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity dia fizarana manaraka amin'ny tantara. Jesosy miditra ao Jerosalema ary ny vahoaka dia manome voninahitra Azy tahaka ny mpanjaka.

#### Hosanna

Ity dia midika hoe "Andriamanitra anie hanavotra antsika izao!"

**sambatra**

Ity dia maneho faniriana ho an'Andriamanitra mba hampitranga zavatra tsara amin'ny olona.

**ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo**

Ny teny hoe "anarana" dia midika hoe fahefana sy hery. DH: "ilay avy ho solon-tenan'ny Tompo" na "ilay avy amin'ny herin'ny Tompo"

**John 12:14****Ary Jesosy nahita zana-boriky anankiray ka nipetraka teo amboniny**

Eto Jaona dia manome fanazavana fa naka ampondra Jesosy. Milaza izy fa Jesosy dia hitaingingina ampondra ho any Jerosalema. DH: "nahita zanak'ampondra Izy ka dia nipetraka teo amin'izany, nitaingingina nankany amin'ny tanàna"

**Araka ny voasoratra hoe**

DH: "araka izay nosoratan'ireo mpaminany tao amin'ny Soratra Masina"

**zanakavavin'i Ziona**

Ny "Zanakavavin'i Ziona" dia maneho ireo mponina ao Jerosalema. DH: "ianareo ry vahoakan'i Jerosalema"

**John 12:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jaona, ilay mpanoratra, eto dia manapaka ny tantara mba hanomezana fampahafantarana fototra momban'ireo zavatra ho azon'ireo mpianatra afaka fotoana fohy.

**Tsy nahazo ireo zavatra ireo ny mpianany**

Ny teny hoe "ireo zavatra ireo" dia maneho ireo teny izay nosoratan'ireo mpaminany momban'i Jesosy.

**rehefa nomem-boninahitra Jesosy**

DH: "rehefa nomen'Andriamanitra voninahitra Jesosy"

**efa nataon'izy ireo taminy izany**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho izay nataon'ny olona tamin'i Jesosy nitaingingina apondra nankany Jerosalama (nidera sy nanofahofa ravinala Azy).

**John 12:17****Ary**

Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana fhiatoana eo amin'ny tantara fototra. Eto Jaona dia manazava fa maro ireo olona izay tonga mba hijery an'i Jesosy satria ren'izy ireo tamin'ny sasany hoe nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty Izy.

**ren'izy ireo fa nanao izany famantarana izany Izy**

"ren'izy ireo ny sasany niteny hoe nanao izany famantarana izany Izy"

**izany famantarana izany**

Ny "famantarana" dia tranga na fisehoan-javatra izay manaporofa fa marina ny zavatra iray. Eto ny "famantarana" ny fitsanganana'i Lazarosy dia manaporofa fa Jesosy no Mesia.

**Jereo, tsy afaka manao na inona na inona ianareo**

Ireo Fariseo dia milaza eto fa mety tsy ho voasakana Jesosy. DH: "Toa tsy afaka manao na inona na inona isika hanakanana Azy!"

**indro, manaraka Azy izao tontolo izao**

Ity dia fanatomboana resaka nampiasain'ireo Fariseo mba hanehoana ny fahatairan'izy ireo nahita olona be dia be nivoaka hihaona amin'i Jesosy. DH: "Toa ohatran'ny hoe ny olona rehetra no lasa mpianany!"

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia midika hoe ny olona rehetra eto ambonin'ny tany.

**John 12:20****Ary nisy grika vitsivitsy**

Ary ny "ary nisy" dia manamarika ny fampidirana mpandray anjara vaovao ao amin'ny tantara.

**hidera any amin'ny firavoravoana**

Jaona dia milaza fa ireo "Grika" ireo dia andeha hidera an'Andriamanitra mandritry ny Paska. DH: "hidera an'Andriamanitra any amin'ny fetin'ny Paska"

**Betsaida**

Betsaida dia tanàna ao amin'ny faritr'i Galilia.

**ary niteny an'i Jesosy izy ireo**

Filipo sy Andrea niteny an'i Jesosy ny momban'ny fangatahan'ireo Grika ny mba hijery Azy. DH: "Notenenin'izy ireo tamin'i Jesosy izay nolazain'ireo Grika"

**John 12:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia manomboka mamaly an'i Filipo sy Andrea.

**Efa tonga ny fotoana hanomezana voninahitra ny Zanak'Olonana**

Jesosy dia milaza eto fa fotoana izao hanomezan'Andriamanitra voninahitra ny Zanak'Olonana amin'ny alalan'ny fijaliany, fahafatesana ary fitsanganana amin'ny maty. DH: "Andriamanitra dia hanome voninahitra Ahy tsy ho ela rehefa maty Aho ka hitsangana indray"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao amin'ny fomba manazava ity fa izay manaraka eo dia manan-danja sady marina. Jereo ny nandikanao ny "Marina, dia marina tokoa" tao amin'ny 1:49.



**fa raha tsy latsaka amin'ny tany ny voam-bary ka maty ... dia hamokatra be**

Eto ny "voam-bary" dia sari-teny hilazana ny fahafatesana, ny fandevenana ary ny fitsanganan'i Jesosy amin'ny maty. Tahaka ny voa izay nambolena ka nitombo ho lasa zava-maniry izay hitondra voa maro, dia torak'izany koa ny olona maro izay hahatoky an'i Jesosy aorian'ny famonoana, ny fandevenana ary ny fitsanganan'i Jesosy amin'ny maty.

### John 12:25

**Izay tia ny fiainany dia hanary izany**

Eto ny "tia ny fiainany" dia midika hoe manome lanja be be koa ny fiainan'ny tena manokana noho ny an'ny hafa. DH: "Na iza na iza manome lanja ny fiainany be be kokoa noho ny an'ny hafa dia tsy handray ny fiainana mandrakizay."

**izay mankahala ny fiainany eto amin'izao tontolo izao kosa dia hitazona izany ho any amin'ny fiainana mandrakizay**

Eto ny hoe "mankahala ny fiainany" dia maneho hoe manome lanja ny be be koa ny fiainan'ny hafa noho ny an'ny tenany manokana. DH: "Na iza na iza manome lanja ny fiainan'ny hafa tahaka ny an'ny tenany manokana dia hiaina miaraka amin'Andriamanitra mandrakizay"

**ary izay hitoerako, dia ao ihany koa no hitoeran'ny mpanompoko**

Jesosy dia milaza fa izay manompo Azy dia hiaraka aminy any an-danitra. DH: "rehefa any an-danitra Aho, dia hiaraka amiko any ihany koa ny mpanompoko."

### John 12:27

**inona no tokony ho teneniko? 'Ray o, vonjeo amin'ity ora ity Aho'?**

Na dia maniry ny tsy homboana ary Jesosy, dia nisafidy ny hankatoa an'Andriamanitra sy ho vonoina. DH: "Tsy hivavaka Aho hoe: 'Ray o, vonjeo amin'ity ora ita Aho!'"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ity ora ity**

Eto ny "ity ora ity" dia maneho ny fotoana izay hijaliana sy hafatesan'i Jesosy eo amin'ny hazofijaliana.

**hankalazao ny anaranao**

Eto ny "anarana" dia manambara an'Andriamanitra. DH: "ampahafantaro ny voninahitrao" na "ampisehoy ny voninahitrao"

**nisy feo nanako avy any an-danitra**

Ity dia maneho ny an'Andriamanitra miteny. Indraindray ny olona dia tsy te-haneho mivantana

an'Andriamanitra satria manaja Azy izy ireo. DH: "Andriamanitra dia miteny avy any an-danitra"

### John 12:30

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manazava hoe nahoana ilay feo no miteny avy any an-danitra.

**Tonga ankehitriny ny fitsarana an'izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra eto ambonin'ny tany. DH: "Ary izao no fotoana ho an'Andriamanitra hitsarana ny olona rehetra."

**Ary dia ho roahina ny mpanapaka izao tontolo izao**

Eto ny "mpanapaka" dia maneho an'i Satana. DH: "Izao no fotoana handringanako ny herin'i Satana izay manjaka izao tontolo izao"

### John 12:32

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha-33 Jaona dia manome fampahafantarana fototra momban'izay nolazain'i Jesosy ny amin'ny hoe "hasandratra"

**Rehefa hasandratra hiala amin'ny tany Aho**

Eto Jesosy dia maneho ny fanomboana Azy. DH: "rehefa hampiakaran'ny olona eo amin'ny hazofijaliana Aho"

**hitaona ny tsirairay hanaraka Ahy**

Amin'ny alalan'ny fanomboana Azy, Jesosy dia hanome lalana ho an'ny olona rehetra mba hahatoky Azy.

**Nolazainy izany mba hanehoana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hafatesany**

Jaona dia mandika ny hevitrin'ny tenin'i Jesosy fa hanombo Azy ny olona. DH: "Noteneniny izany mba hahafantaran'ny olona hoe ahoana ny fomba hafatesany."

### John 12:34

**Ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hasandratra**

Ny teny hoe "hasandratra" dia midika hoe homboana. DH: "Ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hasandratra eo amin'ny hazofijaliana!"

**Iza izany Zanak' Olona izany?**

Mety ho dikany: 1) "Inona no momban'ity Zanak'Olona ity?" na 2) "Zanak'Olona toy ny inona no tianao tenenina?"

**Ny hazavana dia mbola hiaraka aminareo mandritry ny fotoana fohy. Mandehana dieny mbola manana hazavana, mba tsy hafahan'ny haizaina mialoha anareo. Izay mandeha amin'ny haizina dia tsy mahalala ny lalana alehany**

Eto ny "fahazavana" dia sari-teny ho an'ireo fampianaran'i Jesosy izay manambara ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny "mandeha amin'ny

haizina" dia midika hoe miaina tsy miaraka amin'ny fahamarinan'Andriamanitra. DH: "Ny teniko dia tahaka ny fahazavana ho anareo, mba hanampy anareo hahatakatra ny fomba faina tian'ny Tompo ataonareo. Izaho dia tsy hijanona ela hiaraka aminareo intsony. Mila manaraka izay lazaiko ianareo raha izao mbola miaraka aminareo izao Aho. Raha mandà ny teniko ianareo, dia tahaka ny mandeha ao anaty haizina ary tsy mahita hoe mandeha mankaiza ianareo"

**Raha mbola manana ny hazavana ianareo, dia minoa izany mba ho zanakin'ny hazavana ianareo**

Ny "fahazavana" dia sari-teny hilazana ny fampianaran'i Jesosy izay manambara ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny "zanakin'ny hazavana" dia sari-teny ho an'ireo izay manaiky ny hafatr'i Jesosy sy miaina araky ny fahamarinan'Andriamanitra. DH: "Raha mbola miaraka aminareo Aho, dia ekeo ireo teniko mba hitoetra ao aminareo ny fahamarinan' Andriamanitra."

### John 12:37

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia fihatoana ao amin'ny fizotry ny tantara fototra raha manomboka manazava ny momban'ny nahatanterahan'ireo faminana izay voalazan'Isaia mpaminany Jesosy.

**mba ho tanteraka ny tenin'Isaia mpaminany**  
DH: "mba nahatanterahana ny hafatr'Isaia mpaminany"

**Tompo, iza no nino ny tatitray? Ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny Tompo?**

Ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehoana ny fahatahoran'ny mpaminany ny hoe tsy mino ny hafany ny olona. DH: "Tompo, zara raha nisy nino ny hafatray, na dia efa nahita fa manankery afaka hanavotra azy ireo aza Ianao!

**ny sandrin'ny Tompo?**

Ity dia fomba fiteny maneho ny fahaizan'ny Tompo mamonjy miaraka amin'ny hery.

### John 12:39

**nohamafisiny ny fon'izy ireo**

Ity dia fomba fiteny izay midika fa Andriamanitra dia nahatonga azy ireo ho mafy loha. DH: "Izy dia nanao azy ireo ho mafy loha"

**hahazo amin'ny fon'izy ireo**

Ireo Jiosy dia nanao ny fo ho taova izay mahatonga ny fahatakarana-kevitra.

### John 12:41

**mba tsy ho voasakana ho ao amin'ny synagoga.**

DH: "mba tsy ho voasakan'ny olona ho any amin'ny synagoga izy ireo"

**Tian'izy ireo kokoa ny fiderana avy amin'ny olona noho ny fiderana avy amin'Andriamanitra.**

"Tian'izy ireo kokoa ny fiderana avy amin'ny olona noho ny fiderana avy amin'Andriamanitra"

### John 12:44

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Izao dia miverina amin'ny fizotry ny tantara fototra Jaona. Ity dia fotoana hafa izay anombohan'i Jesosy miresaka amin'ny vahoaka.

**Jesosy niantso mafy ka niteny hoe**

Eto Jaona dia milaza fa nisy vahoaka nitangorona mba hihaino an'i Jesosy. DH: "Jesosy dia niteny mafy tamin'ireo vahoaka izay niangona teo."

**izay iray mahita Ahy dia mahita Azy izay naniraka Ahy**

Eto ny teny hoe "Azy" dia maneho an' Andriamanitra. DH: "Ilay iray izay mahita Ahy dia mahita an'Andriamanitra izay naniraka Ahy."

### John 12:46

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia manohy miresaka amin'ireo vahoaka.

**Izaho dia tonga toy ny hazavana**

DH: "Tonga Aho mba hampiseho ny fahamarinana"

**tsy hitoetra ao anaty haizina**

Eto ny "haizina" dia sari-teny hilazana hoe miaina ao amin'ny tsy fahalalana ny fahamarinan' Andriamanitra. DH: "tsy ho jamba ara-panahy izay mino Ahy"

**Raha misy maheno ny teniko nefa tsy mitandrana izany, dia tsy hitsara azy Aho; satria Aho tsy tonga hitsara izao tontolo izao, fa hanavotra izao tontolo izao**

Eto ny "hitsara izao tontolo izao" milaza fanamelohana. Jesosy dia tsy tonga hitsara ny olona. DH: "Fa raha misy maheno ny fampianarako ka mandà izany, dia tsy manameloka azy Aho. Tsy tonga hanameloka olona Aho. Fa kosa, tonga hanavotra ireo izay mahatoky Ahy"

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra eto ambonin'ny tany.

### John 12:48

**amin'ny andro farany**

"Amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny fahotan'ny olona"

**Fantatro fa ny didiny dia fiainana mandrakizay**

"Fantatro fa ireo teniny izay nandidiny Ahy mba ho teneniko dia ireo teny izay manome fiainana mandrakizay"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho  
an'Andriamanitra.

---

## Chapter 13

<sup>1</sup> Ary andro mialohan'ny firavoravoan'ny Paska izao. Fantatr'i Jesosy fa tonga ny ora hialany eto amin'izao tontolo izao ka handeha any amin'ny Ray. Rehefa nitia ny mpiara-dia taminy teto amin'izao tontolo izao Izy, dia nitia azy ireo hatramin'ny farany. <sup>2</sup> Ary ny devoly dia efa nametraka izao tao an-tsain'i Jodasy Iskariota zanak'i Simona, dia ny hamadihana an'i Jesosy. <sup>3</sup> Izy dia nahafantatra fa ny zavatra rehetra dia efa napetrakin'ny Ray teo am-pelatanany ary Izy dia avy amin'Andriamanitra ary hiverina any amin' Andriamanitra. <sup>4</sup> Nitsangana Izy teo am-pisakafoana ary nanala ny akanjony ivelany. Avy eo Izy naka lamba ary nisalotra izany. <sup>5</sup> Avy eo nandraraka rano tao anaty siny Izy dia nanomboka nanasa ny tongotr'ireo mpianatra ary namafa azy ireo tamin'ilay lamba nisalorany. <sup>6</sup> Nanatona an'i Simona Petera Izy, ary hoy Petera taminy hoe: "Tompo, hanasa ny tongotro ve ianao?" <sup>7</sup> Jesosy namaly ary niteny taminy hoe: "Izay ataoko dia mbola tsy ho azonao izao ny heviny, fa ho azonao ihany izany any aoriana." <sup>8</sup> Hoy Petera taminy hoe: "Tsy hanasa ny tongotro mihintsy ianao." Jesosy namaly azy hoe: "Raha tsy manasa ny tongotrao Aho, dia tsy manana anjara ato amiko ianao." <sup>9</sup> Hoy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, aza ny tongotro ihany no sasana, fa ny tanako sy ny lohako ihany koa." <sup>10</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Izay efa nandro dia tsy mila izany, afa-tsy ny manasa tongony ihany, fa izy dia efa madio tanteraka; ianao dia madio, fa tsy ny rehetra nefa." <sup>11</sup> (Satria efa fantatr'i Jesosy hoe iza ilay hamadika Azy; izany no antony nilazany hoe: "Tsy ianareo rehetra no madio.") <sup>12</sup> Ka rehefa avy nanasa ny tongotr'izy ireo Jesosy sy naka ireo lambany ka nipetraka indray, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fantatrareo ve ny nataoko ho anareo?" <sup>13</sup> Antsoinareo Aho hoe 'mpampianatra' sy 'Tompo,' ary marina ny voalazanareo, satria izany tokoa Aho. <sup>14</sup> Kanefa raha Izaho, sady Tompo no mpampianatra, no nanasa ny tongotrareo, ianareo ihany koa dia tokony hifanasa ny tongotrareo. <sup>15</sup> Satria efa nanome ohatra ho anareo Aho ka mba tokony hanao toy izay nataoko ho anareo ihany koa ianareo. <sup>16</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa ny mpanompo dia tsy lehibe kokoa noho ny tompony; na koa ny mpitondra hafatra dia tsy lehibe kokoa noho ilay naniraka azy. <sup>17</sup> Raha fantatrareo ireo zavatra ireo, dia ho tahiana ianareo raha manatanteraka izany. <sup>18</sup> Tsy ianareo rehetra no resahiko; fantatro ireo izay nofidiako—fa izany dia mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe: 'Izay mihinana ny mofoko dia nanandratra ny vodi-tongony hamadika Ahy.' <sup>19</sup> Lazaiko aminareo izao izany mialohan'ny hitrangany mba rehefa mitranga izany, dia mety hino ianareo fa Izaho no Izy. <sup>20</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa izay mandray izay nirahiko, dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy, dia mandray Azy izay naniraka Ahy." <sup>21</sup> Rehefa nilaza izany Jesosy, dia nangorohoro ny fanahiny. Nanambara Izy ary nilaza hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa fa hisy iray aminareo hamadika Ahy." <sup>22</sup> Nifampijery ireo mpianatra, nanontany tena hoe iza izany nolazainy izany. <sup>23</sup> Nisy iray tamin'ireo mpianany, izay tian'i Jesosy, nipetraka teo amin'ny latabatra ampitan'i Jesosy. <sup>24</sup> Nanatona io mpianatra io Simona Petera ary nilaza hoe: "Anontanio Azy hoe iza izany lazainy izany." <sup>25</sup> Ka niverina niankina tamin'i Jesosy izy ary nilaza taminy hoe: "Tompo, iza izany?" <sup>26</sup> Avy eo Jesosy namaly hoe: "Ilay iray izay handonako sy homeko ity mofo ity izany." Ka rehefa nolomany ny mofo, dia nomeny an'i Jodasy zanak'i Simona Iskariota izany. <sup>27</sup> Ary taorian'ny mofo, dia niditra tao aminy satana, ka hoy Jesosy taminy hoe: "Izay ataonao, ataovy aingana izany." <sup>28</sup> Tamin'izay ireo rehetra teo an-databatra tsy nisy nahalala ny antony nilazan'i Jesosy azy izany. <sup>29</sup> Ny sasany nieritreritra hoe, satria Jodasy no nitazona ny kitapom-bola, no nilazan'i Jesosy taminy hoe: "Vidio ny zavatra rehetra ilaintsika amin'ny andro firavoravoana," na hoe tokony hanome zavatra ho an'ny mahantra izy. <sup>30</sup> Raha vao avy nandray ny mofo Jodasy, dia lasa nivoaka avy hatrany izy. Alina ny andro tamin'izay. <sup>31</sup> Rehefa lasa Jodasy, dia hoy Jesosy hoe: "Ankehitriny dia omem-boninahitra ny Zanak'Oloha, ary Andriamanitra dia omem-boninahitra ao aminy. <sup>32</sup> Andriamanitra dia hanome voninahitra Azy ao amin'ny tenany, ary Izy hanome voninahitra Azy avy hatrany. <sup>33</sup> Ry ankizy madinika, fotoana fohy sisa no hiarahako aminareo. Hitady Ahy ianareo, ary araka izay nolazaiko tamin'ny Jiosy hoe: 'Izay alehako, tsy azonareo aleha.' Ary lazaiko aminareo koa izany ankehitriny. <sup>34</sup> Didy vaovao no omeko anareo, dia ny hifankatiavanareo; tahaka ny nitiavako anareo, no tokony hifankatiavanareo ihany koa. <sup>35</sup> Amin'izany no hahafantaran'ny rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia ianareo." <sup>36</sup> Hoy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, fa andeha ho aiza ianao?" Namaly Jesosy hoe: "Izay alehako, dia tsy afaka hanarahanareo Ahy izao, fa hanaraka ianareo any aoriana." <sup>37</sup> Dia hoy Petera taminy hoe: "Tompo, nahoana aho no tsy afaka manaraka Anao izao? Hahoiko ho Anao ny aiko." <sup>38</sup> Dia namaly Jesosy hoe: "Hafoinao ho Ahy ve ny ainao? Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fa mbola tsy haneno akory ny akoho dia efa handà Ahy in-telo ianao."

**John 13:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Mbola tsy tonga ny Paska dia efa niaraka nisakafo tamin'ireo mpianany Jesosy. Ireto andininy ireto dia manazava ny fizotry ny tantara sy manome fampahafantarana fototra momban'i Jesosy sy Jodasy.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**nitia**

Ity dia ilay karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Ity karazana fitiavana ity dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**ny devoly dia efa nametraka izao tao an-tsain'i Jodasy Iskariota zanak'i Simona, dia ny hamadihana an'i Jesosy**  
Ny fehezanteny hoe "nametraka izao tao an-tsainy" dia midika hoe mahatonga ny olona hieritreritra zavatra iray. DH: "Ny devoly dia efa nahatonga an'i Jodasy Iskariota, ilay zanak'i Simona, hieritreritra ny momban'ny hamadihana an'i Jesoy"

**John 13:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny andininy faha-3 dia manome antsika fampahafantarana fototra momban'izay fantatr'i Jesosy. Ny tranga ao amin'ny tantara dia manomboka ao amin'ny andininy faha-4.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**napetrakin'ny Ray teo am-pelatanany**

Eto ny "am-pelatanany" dia sari-teny maneho ny hery sy ny fahefana. DH: "nanome Azy ny hery sy ny fahefana amin'ny zavatra rehetra."

**Izy dia avy amin'Andriamanitra ary hiverina any amin'Andriamanitra**

Jesosy dia niaraka tamin'ny Ray foana, ary dia hiverina any rehefa vita ny asany ety an-tany.

**Nitsangana Izy teo am-pisakafoana ary nanala ny akanjony ivelany. Avy eo Izy naka lamba ary nisolotra izany. Avy eo nandraraka rano tao anaty siny Izy dia nanomboka nanasa ny tongotra'ireo mpianatra**  
Satria feno vovoka ny tanàna, dia fomban'ny mpampiantrano ny manome mpanompo mba hanasa ny tongon'ireo vahiny.

**John 13:6****Tompo, hanasa ny tongotro ve ianao?**

Ny fanontaniam'i Petera dia mampiseho fa izy dia tsy vonona ny ho sasain'i Jesosy ny tongony. DH:

"Tompo, tsy mety Aminao ny manasa ny tongotro, izay mpanota!"

**Raha tsy manasa ny tongotrao Aho, dia tsy manana anjara ato amiko ianao**

Eto Jesosy dia mandresy lahatra an'i Petera mba hamela Azy hanasa ny tongony. Jesosy dia milaza fa tokony hamela Azy hanasa ny tongony Petera raha mbola te-hijanona ho mpianany izy. DH: "Raha manasa anao Aho, dia ho Ahy mandrakizay ianao"

**John 13:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'i Simona Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy dia mampiasa ny teny hoe "ianareo" mba hanehoana ireo mpianany rehetra.

**Izay efa nandro dia tsy mila izany, afa-tsy ny manasa tongony ihany**

Eto ny "nandro" dia sari-teny izay midika fa Andriamanitra dia nanadio olona ara-panahy. DH: "Raha misy olona efa nandray ny famelan-kelok'Andriamanitra, dia mila mandray ny fanadiovana ny otany isan'andro fotsiny sisa."

**fa tsy ny rehetra nefa**

Jesosy dia milaza fa ilay iray izay hamitaka Azy, Jodasy, dia tsy nahatoky Azy. Noho izany Andriamanitra dia tsy namela azy tamin'ireo fahotany. DH: "fa tsy ny rehetra aminareo no nandray ny famelan-kelok'Andriamanitra."

**John 13:12****Fantatrareo ve ny nataoko ho anareo?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hafahan'i Jesosy manasongadina ny lanjan'ny zavatra ampianariny an'ireo mpianany. DH: "Ianareo dia mila mahatakatra izay nataoko ho anareo!"

**Antsoinareo Aho hoe 'mpampianatra' sy 'Tompo'**

Eto Jesosy dia milaza fa ireo mpianany dia manaja Azy tanteraka. DH: "Ianareo dia mampiseho fanajana tanteraka ho Ahy rehefa miantso Ahy hoe 'Tompo' sy 'mpampianatra.'"

**tokony hanao toy izay nataoko ho anareo ihany koa ianareo**

Jesosy dia milaza fa ireo mpianany dia tokony vonona hanaraka ny ohatrany ary hifanompo. DH: "Ianareo ihany koa dia tokony mifanompo ampanetren-tena"

**John 13:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**lehibe kokoa**

"manan-danja kokoa"

**ho tahiana ianareo**

Eto ny "tahiana" dia midika hoe mahatonga zavatra soa, misy tombony mba hitranga amin'ny olona.

DH: "Andriamanitra hitahy anareo"

**izany dia mba hahatanteraka ny Soratra Masina**

DH: "izany dia mba hanantanterahana ny Soratra Masina"

**'Izay mihinana ny mofoko dia nanandratra ny vodi-tongony hamadika Ahy'**

Eto ny "mihinana ny mofoko" dia fomba fiteny ho an'ny olona izay milaza fa namana. Ny hoe "nanandratra ny vodi-tongony" ihany koa dia fomba fiteny, izay midika hoe olona izay lasa fahavalo. DH: "Ilay iray izay nilaza fa namako dia nivadika ho fahavaloko"

### John 13:19

**Lazaiko aminareo izao izany mialohan'ny hitrangany**

"Ary teneniko aminareo izay zavatra hiseho mialohan'ny hisehoany"

**mety hino ianareo fa Izaho no Izy**

"mety hino ianareo fa Izaho ilay nolazaiko fa Izaho" na "mety hino ianareo fa Izaho ilay Mesia"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

### John 13:21

**nangorohoro**

tohina, nikorontana

**marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**Nifampijery ireo mpianatra, nanontany tena hoe iza izany nolazainy izany.**

"Nifampijery ireo mpianatra ary nanontany tena hoe: "Iza no hamitaka an'i Jesosy?"

### John 13:23

**Nisy iray tamin'ireo mpianany, izay tian'i Jesosy**

Jaona no resaka eto.

**nipetraka teo amin'ny latabatra**

Tamin'ny andron'i Kristy, dia miaraka misakafo araka ny fomba Grika ireo Jiosy, izay mipetraka amin'ny sisiny eo ambonin'ny fandriana.

**ampitan'i Jesosy**

Ny mipetraka mifanatrika amin'ny mpisakafo hafa, amin'ny fomba Grika, dia mampiseho finamanana tena lehibe miaraka amin'ilay ifanatrehana.

**tian'i Jesosy**

Ity dia ilay karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

### John 13:26

**Iskariota**

Ity dia mampiseho fa Jodasy dia avy ao amin'ny tanànan'i Keriota

**Ary taorian'ny mofo**

DH: "Raha vao nandray izany mofo izany Jodasy"

**niditra tao aminy satana**

Ity dia fomba fiteny izay midika hoe nanjaka tanteraka an'i Jodasy ny Satana. DH: "Satana dia nanomboka nibaiko azy"

**ka hoy Jesosy taminy**

Eto Jesosy dia miresaka amin'i Jodasy.

**Izay ataonao, ataovy aingana izany**

"Ataovy aingana izay kasainao hatao!"

### John 13:28

**hoe tokony hanome zavatra ho an'ny mahantra izy**

DH: "mandehana ka omeo vola ireo mahantra."

**dia lasa nivoaka avy hatrany izy. Alina ny andro tamin'izay.**

Jaona dia toa misintona ny saintsika eto ny amin'ny hoe hanao ny asa ratsiny Jodasy na asa "maizina" ao amin'ny fahamaizinan'ny alina. DH: "ary dia nivoka avy hatrany tany amin'ny maizina izy"

### John 13:31

**Ankehitriny dia omem-boninahitra ny Zanak'Olona, ary Andriamanitra dia omem-boninahitra ao aminy**

DH: "Ary ny vahoaka dia andalan'ny hahita ny fomba handraisan'ny Zanak'Olona ny voninahitra sy ny fomba handraisan'Andriamanitra ny voninahitra amin'ny alalan'izay ataon'ny Zanak'Olona"

**Andriamanitra dia hanome voninahitra Azy ao amin'ny tenany, ary Izy hanome voninahitra Azy avy hatrany**

Ny teny hoe "Azy" dia maneho ny Zanak'Olona. Ny teny hoe ny "tenany" dia maneho an'Andriamanitra DH: "Andriamanitra tenany no hanome voninahitra an'ny Zanak'Olona avy hatrany."

**Ry ankizy madinika**

Jesosy mampiasa ny teny hoe "ankizy madinika" mba hampitana fa tiany toy ny hoe zanany ireo mpianatra.

**araka izay nolazaiko tamin'ny Jiosy**

Eto ireo "Jiosy" dia entina hilazana ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Araka izay nolazaiko tamin'ireo mpitarika Jiosy"

**John 13:34**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**nitivako anareo**

Ity dia ilay karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**ny rehetra**

Ity dia fanatomboana resaka izay manamafy ny fanambaran'i Jesosy. Izany dia maneho ireo olona izay mahita ny fifankatiavan'ireo mpianatra. DH: "Ny rehetra izay mahafantatra ny fitiavanareo eo aminareo"

**John 13:36**

**Hafoko ny aiko**

"avelako ny aiko" an "maty"

**Hafoinao ho Ahy ve ny ainao?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ny fanambaran'i Jesosy. DH: "Ianao dia miteny fa ho faty ho Ahy, fa ny marina dia tsy ho faty ho Ahy ianao!"

**fa mbola tsy haneno akory ny akoho dia efa handà Ahy in-telo ianao.**

"Ianao dia hiteny in-telo fa tsy mahafantatra Ahy mialohan'ny akoho maneno"

## Chapter 14

<sup>1</sup> "Aza avela hangorohoro ny fonareo. Mino an'Andriamanitra ianareo, dia minoa Ahy koa. <sup>2</sup> Misy efitra maro ao an-tranon'ny Raiko. Raha toa ka tsy izany, dia efa niteny taminareo Aho, fa hanomana toerana ho anareo. <sup>3</sup> Raha handeha Aho ary hanomana toerana ho anareo, dia hiverina indray Aho ary handray anareo ato Amiko, ka izay misy Ahy dia hisy anareo koa. <sup>4</sup> Ianareo mahalala izay alehako." <sup>5</sup> Hoy Tomasy tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsy fantatray izay alehanao, ahoana no hahafantaranay ny lalana?" <sup>6</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho no lalana, fahamarinana, ary fiainana; tsy misy manatona ny Ray raha tsy amin'ny alalako. <sup>7</sup> Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia tokony ho nahafantatra ny Raiko koa. Manomboka izao dia fantatrareo Izy ary efa hitanareo." <sup>8</sup> Hoy Filipo tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, aseho anay ny Ray, dia ampy ho anay izany." <sup>9</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Efa hatry ny ela no niarahako taminareo dia mbola tsy fantatrareo foana ve Aho, ry Filipo? Na iza na iza nahita Ahy dia nahita ny Ray. Koa ahoana no hitenenanao hoe: 'Aseho anay ny Ray'?" <sup>10</sup> Tsy mino ve ianareo fa ao amin'ny Ray Aho ary ny Ray ato amiko? Ireo teny izay lazaiko aminareo dia tsy lazaiko avy amin'ny fahefako manokana, fa ilay Ray velona ato anatiko no manao ny asany. <sup>11</sup> Mino Ahy fa Izaho dia ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko, raha tsy izany dia minoa noho ireo asa manokana. <sup>12</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, izay mino Ahy dia hanao ny asa izay ataoko, ary hanao asa lehibe mihoatra noho ireny izy satria ho any amin'ny Ray Aho. <sup>13</sup> Na inona na inona angatahinareo amin'ny Anarako, dia tanterahiko izany mba hanomezam-boninahitra ny Ray ao amin'ny Zanaka. <sup>14</sup> Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia ho tanterahiko izany. <sup>15</sup> Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ireo didiko, <sup>16</sup> ary hivavaka amin'ny Ray Aho, dia hanome anareo Mpampahery hafa Izy mba ho eo aminareo mandrakizay izy— <sup>17</sup> ny Fanahin'ny fahamarinana. Tsy afaka mandray Azy izao tontolo izao satria tsy mahita na mahafantatra Azy. Fa ianareo kosa mahalala Azy, satria mitoetra miaraka aminareo Izy ary ho ao anatinareo. <sup>18</sup> Tsy hamela anareo ho irery Aho; mbola hiverina aty aminareo Aho. <sup>19</sup> Afaka fotoana vitsy monja dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo mahita Ahy. Satria velona Aho, dia ho velona ihany koa ianareo. <sup>20</sup> Ary amin'izay andro izay dia ho fantatrareo fa ao amin'ny Raiko Aho, ary ianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo. <sup>21</sup> Izay manana ireo didiko ka mitandrina ireny dia izy ilay tia Ahy, ary izay tia Ahy dia ho tiavin'ny Raiko koa, ary Izaho hitia azy sy hiseho aminareo." <sup>22</sup> Hoy Jodasy (tsy Iskariota) tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, nahoana ianao no hiseho aminay fa tsy amin'izao tontolo izao?" <sup>23</sup> Jesosy namaly ary nilaza taminy hoe: "Raha misy olona tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy. Hitia azy ny Raiko, ary ho avy aminy Izahay ary hanamboatra ny fitoeranay miaraka aminy. <sup>24</sup> Fa izay tsy tia Ahy dia tsy mitandrina ny teniko. Ny teny izay renareo dia tsy avy amiko fa avy amin'ny Ray izay naniraka Ahy. <sup>25</sup> Efa noteneniko taminareo ireo zavatra ireo, raha mbola nijanona niaraka taminareo Aho. <sup>26</sup> Kanefa, ilay Mpampahery—ilay Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako\_ izy no hampianatra anareo ny zava-drehetra sy hampatsiahy izay rehetra nolazaiko taminareo. <sup>27</sup> Fiadanana no avelako ho anareo; omeko anareo ny fiadanako. Tsy omeko ohatran'ny fanomen'izao tontolo izao izany. Aza avela hangorohoro ny fonareo, ary aza matahotra. <sup>28</sup> Efa renareo Aho niteny taminareo hoe: 'Andeha Aho, ary hiverina any aminareo indray.' Raha nitia Ahy ianareo, dia tokony hiravoravo satria hankany amin'ny Ray Aho, satria ny Ray dia lehibe kokoa noho Izaho. <sup>29</sup> Ary noteneniko anareo dieny mbola tsy mitranga izany, mba hino ianareo, rehefa mitranga izany. <sup>30</sup> Tsy hilaza betsaka aminareo intsony Aho, fa efa ho avy ny mpanapaka izao tontolo izao. Tsy manana fahefana Amiko izy, <sup>31</sup> fa mba hahafantaran'izao tontolo izao fa tiako ny Ray, dia ataoko tahaka ny nandidian'ny Ray Ahy. Andeha hitsangana isika ary hiala ety."

### John 14:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mbola mitohy ny fizarana ao amin'ny tantara nanomboka tao amin'ny toko teo aloha. Jesosy mipetraka eo amin'ny latabatra miaraka amin'ireo mpianany ary manohy miresaka amin'izy ireo.

#### Aza avela hangorohoro ny fonareo

Fomba fiteny ity. Ny hoe mangorohoro fo dia midika hoe mitaintaina na manahy. DH: "Atsaharo ny fitaintainana sy fanahiana"

#### Ao an-tranon'ny Raiko misy efitra be dia be

"misy toerana be dia be azo hipetrahana ao amin'ny tranon'ny Raiko"

#### Ao an-tranon'ny Raiko

Ity dia maneho ny lanitra, ilay toerana ipetrahan'Andriamanitra.

#### Ray

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.



**efitra maro**

Ny hoe "efitra" eto dia mety maneho efitra tokana na fonenana be.

**fa hanomana toerana ho anareo**

Jesosy dia hanomana toerana any an-danitra ho an'ireo olona izay mahatoky Azy. Ny hoe "anareo" dia maneho ireo mpianany rehetra.

**John 14:4****ahoana no hahafantaranay ny lalana?**

"Ahoana no hahafantaranay ny fomba hankanesana any?"

**ny lalana**

Ity dia sari-teny izay mety midika hoe: 1) "ny lalana mankany amin'Andriamanitra" na 2) "ilay Iray izay mitondra ny olona ho any amin'Andriamanitra."

**fahamarinana**

Ity dia sari-teny izay mety midika hoe: 1) "ilay olona marina" na 2) "ilay Iray izay miteny ny teny marina momban'Andriamanitra."

**fiainana**

Ity dia sari-teny midika fa Jesosy dia afaka manome fiainana ho an'ny olona. DH: "ilay Iray afaka mamelona olona"

**tsy misy manatona ny Ray raha tsy amin'ny alalako**

Ny olona dia tsy afaka manatona an' Andriamanitra sy miaina miaraka Aminy raha tsy amin'ny alalan'ny fahatokisana an'i Jesosy ihany. DH: "Tsy misy olona afaka mankany amin'ny Ray sy miaina miaraka aminy raha tsy manatona Ahy iza?"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**John 14:8****Tompo, aseho any ny Ray**

Ny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Efa hatry ny ela no niarahako taminareo dia mbola tsy fantatrareo foana ve Aho, ry Filipo?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ireo tenin'i Jesosy. DH: "Filipo, efa hatry ny ela Aho no niarahako taminareo mpianatra. Tokony hahafantatra Ahy ianao ankehitriny!"

**Na iza na iza nahita Ahy dia nahita ny Ray**

Ny mahita an'i Jesosy, izay zanak'Andriamanitra, dia mahita an'Andriamanitra Ray. Ny "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ahoana no hitenenanao hoe: 'Aseho any ny Ray'?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ireo tenin'i

Jesosy tamin'i Filipo. DH: "Ka tsy tokony hiteny mihintsy ianao hoe: 'Aseho any ny Ray'?"

**John 14:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mametraka fanontaniana an'i Filipo ary avy eo Izy manohy miresaka amin'ireo mpianany rehetra.

**Tsy mino ve ianareo fa ao amin'ny Ray Aho ary ny Ray ato amiko?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ireo tenin'i Jesosy tamin'i Filipo. DH: "Tena tokony hino ianareo ... ny Ray ato amiko."

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Ireo teny izay lazaiko aminareo dia tsy lazaiko avy amin'ny fahefako manokana**

"Izy teneniko aminareo dia tsy avy amiko" na "Ireo teny izay teneniko aminareo dia tsy avy amiko."

**Ireo teny izay lazaiko aminareo**

Jesosy dia miresaka amin'ireo mpianany rehetra.

**Izaho dia ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko**

Ity dia fomba fiteny izay midika fa Andriamanitra Ray sy Jesosy dia manana fifandraisana miavaka. DH: "Izaho ilay iray miaraka amin'ny Ray, ary ny Ray dia iray miaraka Amiko" na "Ny Izaho sy ny Raiko dia toy ny hoe iray ihany."

**John 14:12****marina, dia marina tokoa**

Adikao tahaka ny nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**izay mino Ahy**

Ity dia midika hoe mino fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra.

**Na inona na inona angatahinareo amin'ny Anarako**

Eto ny "anarako" dia maneho ny fahefan'i Jesosy. DH: "na inona na inona angatahinareo, amin'ny fampiasana ny fahefako."

**mba hanomezam-boninahitra ny Ray ao amin'ny Zanaka**

DH: "Ka mba afaka mampiseho ny olona rehetra ny halehiben'ny Raiko Aho."

**Ray ... Zanaka**

Ny "Ray ... Zanaka" dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia ho tanterahiko izany**

Eto ny "anarako" dia maneho ny fahefan'i Jesosy. DH: "Raha mangataka na inona na inona aty Amiko tahaka ny iray amin'ireo mpanara-dia Ahy ianareo,

dia ho ataoko izany" na "na inona na inona angatahanareo Amiko, dia ho ataoko izany satria Ahy anareo"

### John 14:15

#### Mpampahery

Ity dia maneho ny Fanaha Masina.

#### ny Fanahin'ny fahamarinana

Ity dia maneho ny Fanahy Masina izay mampianatra ny olona izay marina momban'Andriamanitra.

#### Tsy afaka mandray Azy izao tontolo izao

Eto ny "izao tontolo izao" dia hilazana ny olona rehetra izay manohitra an'Andriamanitra. DH: "Ny tsy mpino eto amin'izao tontolo izao dia tsy handray Azy mihintsy" na "Ireo izay manohitra an'Andriamanitra dia tsy hanaiky Azy."

### John 14:18

#### tsy hamela anareo

Eto Jesosy dia milaza fa tsy hamela ireo mpianany tsy hisy mpikarakara Izy. DH: "Tsy hamela anareo tsy hisy mpikarakara"

#### izao tontolo izao

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra izay tsy an'Andriamanitra. DH: "Ireo tsy mpino"

#### ho fantatrareo fa ao amin'ny Raiko Aho

Andriamanitra Ray sy Jesosy dia miaina ho olona iray. DH: "ianareo dia hahafantatra fa ny Raiko sy Izaho dia tena olona iray."

#### Raiko

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

#### ianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo

"ianareo sy Izaho dia tahaka ny olona iray"

### John 14:21

#### tia

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

#### izay tia Ahy dia ho tiavin'ny Raiko koa

DH: "Ny Raiko dia ho tia ny olona rehetra izay tia Ahy"

#### Ny Raiko

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

#### Jodasy (tsy Iskariota)

Ity dia tsy ilay Jodasy avy any Keriota izay namadika an'i Jesosy, fa maneho mpianatra hafa izay Jodasy no anarany.

#### nahoana ianao no hiseho aminay

Eto ny teny hoe "hiseho" dia maneho ny fanambarana ny hatsaran'i Jesosy. DH: "nahoana no hasehonao aminay irery ihany ny tenanao" na "nahoana no izahay irery ihany no havelanao mahita ny hatsaranao?"

#### tsy amin'izao tontolo izao

Eto ny "izao tontolo izao" dia entina hilazana ny olona izay manohitra an'Andriamanitra. DH: "tsy ireo izay tsy an'Andriamanitra"

### John 14:23

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Jesosy mamaly an'i Jodasy (tsy Iskariota).

#### Raha misy olona tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy

"Izay tia Ahy dia hanao izay noteneniko hataony"

#### tia

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

#### Ny Raiko

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

#### ary ho avy aminy Izahay ary hanamboatra ny fitoeranay miaraka aminy

Ny Ray sy ny Zanaka dia hizara fiainana amin'ireo izay mankatoa ireo didin'i Jesosy. DH: "ho avy Izahay mba hiara-monina aminy, dia hanana fifandraisana manokana aminy"

#### Ny teny izay renareo dia tsy avy amiko fa avy amin'ny Ray izay naniraka Ahy

"Ireo zavatra noteneniko taminareo dia tsy zavatra notapahako samirery"

#### Ny teny

Eto ny hoe "ny teny" dia maneho ny hafatra izay nentin'i Jesosy avy amin'Andriamanitra. DH: "Ny hafatra"

#### izay renareo

Eto dia miresaka amin'ireo mpianany rehetra Jesosy.

### John 14:25

#### Mpampahery

Ity dia maneho ny Fanaha Masina. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 14:15.

#### Ray

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**amin'ny Anarako**

Eto ny hoe "anarako" dia sari-teny izay maneho ny hery sy ny fahefan'i Jesosy. DH: "noho Izaho" na "noho ny amiko"

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia entina hilazana ireo olona izay tsy tia an'Andriamanitra.

**Aza avela hangorohoro ny fonareo, ary aza matahotra.**  
"mangorohoro fo" dia fomba fiteny hilazana hoe tena manahy na matahotra. Eto Jesosy dia miresaka ny fo toy ny hoe olona izany. DH: "Atsaharo ny fanahiana, ary aza matahotra"

**John 14:28**

**nitia**

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay

mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**hankany amin'ny Ray Aho**

Eto Jesosy dia milaza fa hiverina any amin'ny Rainy Izy. DH: "Izaho dia hiverina any amin'ny Ray"

**ny Ray dia lehibe noho Izaho**

Eto Jesosy dia milaza fa ny Ray dia manana fahefana lehibe kokoa noho ny Zanaka raha mbola eto an-tany. DH: "Ny Ray dia manana fahefana lehibe kokoa noho Izay ananako eto."

**Ray**

Ity dia iantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

## Chapter 15

<sup>1</sup> "Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboly. <sup>2</sup> Esoriny ato amiko ny sampana rehetra izay tsy mamoa voankazo, ary rantsaniny ny sampana izay mamokatra mba hamoa voankazo bebe kokoa izany. <sup>3</sup> Efa madio ianareo noho ilay hafatra izay nolazaiko taminareo. <sup>4</sup> Mitoera ato amiko, ary Izaho ao aminareo. Tahaka ny sampana tsy afaka mamokatra voankazo amin'ny tenany raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka izany, dia toy izany koa ianareo, raha tsy mitoetra ao amiko. <sup>5</sup> Izao no voaloboka, ianareo no sampana. Izay mitoetra ato Amiko ary Izaho ao Aminy, dia mamokatra be izy, fa raha tsy misy Ahy dia tsy mahefa na inona na inona ianareo. <sup>6</sup> Raha misy olona tsy mitoetra ao Amiko, dia ho ariana tahaka ny sampana izy ary halazo, ary izy ireo manangona ireo sampana ary manary izany any amin'ny afo, ary may izy ireo. <sup>7</sup> Raha mitoetra ao Amiko ianareo, ary raha mitoetra ao aminareo ireo teniko, angataho na inona na inona irianareo, dia ho atao aminareo izany. <sup>8</sup> Ny Raiko dia omem-boninahitra amin'izao, dia ny hamokaranareo voankazo bebe kokoa ka ho porofo fa mpianatro ianareo. <sup>9</sup> Tahaka ny nitiaivan'i Ray Ahy, no nitiaivako anareo. Mitoera ao amin'ny fitiavako. <sup>10</sup> Raha mitandrana ireo didiko ianareo, dia hitoetra ao amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ireo didin'ny Raiko sy nitoerako tao amin'ny fitiavany. <sup>11</sup> Nilaza ireny zavatra ireny taminareo Aho mba ho ao aminareo ny fifaliako ary mba ho feno ny fifalianareo. <sup>12</sup> Izao no didiko, dia ny hifankatiavanareo tahaka ny nitiaivako anareo. <sup>13</sup> Tsy misy manam-pitiavana lehibe mihoatra noho izao, dia ny manolotra ny ainy ho an'ireo sakaizany. <sup>14</sup> Namako ianareo raha manao ireo zavatra andidiko anareo ireo. <sup>15</sup> Tsy hiantso anareo hoe mpanompoko intsony Aho, satria ny mpanompo dia tsy mahafantatra izay ataon'ny tompony. Nantsoiko hoe namako ianareo, satria ny zavatra rehetra izay reko tamin'ny Raiko, dia nampahafantariko anareo. <sup>16</sup> Tsy nifidy Ahy ianareo, fa Izaho no nifidy anareo ary nanendry anareo mba andeha ka hamokatra, ary mba tokony hitoetra ny vokatrareo. Natao izany mba na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray amin'ny Anarako, dia homeny anareo izany. <sup>17</sup> Ireny zavatra ireny no andidiko anareo mba hifankatiavanareo. <sup>18</sup> Raha mankahala anareo izao tontolo izao, fantaro fa mankahala Ahy izy talohan'ny mankahalany anareo. <sup>19</sup> Raha avy amin'izao tontolo izao ianareo, dia ho tian'izao tontolo izao tahaka ny azy ianareo. Fa satria tsy an'izao tontolo izao ianareo ary nofidiako hiala amin'izao tontolo izao, noho izany dia halan'izao tontolo izao ianareo. <sup>20</sup> Tsarovy ny teny nolazaiko taminareo hoe: 'Ny mpanompo dia tsy lehibe noho ny tompony.' Raha nanenjika Ahy izy ireo, dia hanenjika anareo koa; ary raha nitandrana ny teniko izy ireo, dia hitandrana ny anareo koa. <sup>21</sup> Hanao ireo zavatra rehetra ireo aminareo izy ireo nohon'ny Anarako, satria tsy fantatr'izy ireo Izy izay naniraka Ahy. <sup>22</sup> Raha tsy tonga sy niteny tamin'izy ireo Aho, dia tsy ho nanota izy ireo, fa ankehitriny tsy afa-miala amin'ny fahotany izy ireo. <sup>23</sup> Izay mankahala Ahy dia mankahala ny Raiko ihany koa. <sup>24</sup> Raha tsy nahavita ireo asa izay tsy nataon'ny olon-kafa teo anivon'izy ireo Aho, dia tsy ho nanan-keloka izy ireo, fa ankehitriny efa sady hitany no halany Izaho sy ny Raiko. <sup>25</sup> Fa izany dia mba hahatanteraka ny teny izay voasoratra ao amin'ny lalàn'izy ireo hoe: 'Mankahala Ahy amin'ny tsy misy antony izy ireo.' <sup>26</sup> Rehefa ho avy ilay Mpampahery—izay hirahiko aminareo avy amin'ny Ray, ilay, Fanahin'ny fahamarinana, izay mivoaka avy amin'ny Ray—dia hanambara ny momba Ahy Izy. <sup>27</sup> Ianareo ihany koa dia mijoro vavolombelona satria efa niaraka tamiko hatrany am-piandohana ianareo.

### John 15:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mbola mitohy ny fizaran'ny tantara tamin'ny toko teo aloha. Jesosy dia mipetraka eo amin'ny latabatra miaraka amin'ireo mpianany ary manohy mresaka amin'izy ireo.

#### Izaho no tena voaloboka

Eto ny "tena voaloboka" dia sari-teny. Jesosy dia mampitaha ny tenany amin'ny voaloboka. Izy no fototry ny fiainana izay mahatonga ny olona hiaina araka ny fomba izay hankasitrahana' Andriamanitra. DH: "Izaho dia tahaka ny voaloboka izay manome voa tsara"

#### ny Raiko no mpamboly

Ny hoe "mpamboly" dia sari-teny. Ny hoe "mpamboly" dia olona mikarakara ny voaloboka mba hanomezany voa tsara. DH: "ny Raiko dia tahaka ny mpamboly"

#### ny Raiko

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

#### Esoriny ato amiko ny sampana rehetra izay tsy mamoa voankazo, ary rantsaniny ny sampana izay mamokatra mba hamoa voankazo bebe kokoa izany

Eto ny "sampana" dia sari-teny izay maneho ny olona tsirairay izay an'i Jesosy. Andriamanitra dia mikarakara azy ireo amin'izay mba ho afaka miaina amin'ny fomba izay ankasitrahany izy ireo.

**Esoriny**  
"tapahana sy esorina"

**rantsaniny ny sampana**  
"mikarakara ny sampana rehetra"

### John 15:3

**Efa madio ianareo noho ilay hafatra izay nolazaiko taminareo.**  
Ny sari-teny tiana lazaina eto dia ireo "sampana madio" izay efa "voakarakara". DH: "Izany dia tahaka ny hoe efa voakarakara sy sampana madio ianareo satria nankatoa izay nampianariko anareo"

**taminareo**  
Eto dia ireo mpianatr'i Jesosy no resahana.

**Mitoera ato amiko, ary Izaho ao aminareo**  
"raha mitoetra miaraka amiko ianareo, dia hitoetra hiaraka aminareo Aho" na "Mitoera miaraka Amiko, dia hitoetra hiaraka aminareo Aho"

**raha tsy mitoetra ao amiko**  
Amin'ny fitoerana ao amin'i Kristy, dia miantehatra Aminy amin'ny zavatra rehetra ireo izay Azy. DH: "raha tsy hoe mitoetra miaraka amiko sy miankina amiko amin'ny zavatra rehetra ianareo."

### John 15:5

**Izao no voaloboka, ianareo no sampana**  
Ny "voaloboka" dia sari-teny maneho an'i Jesosy. Ny "sampana" dia sari-teny maneho ireo izay mahatoky an'i Jesosy sy izay Azy. DH: "Izaho dia toy ny voaloboka, ary ianareo tahaka ny sampana izay mifandray amin'ny voaloboka."

**Izay mitoetra ato Amiko ary Izaho ao Aminy**  
Eto Jesosy dia manambara fa ireo mpanara-dia Azy dia miarka Aminy tahaka Azy miaraka amin'Andriamanitra. DH: "Izay mijanona miaraka Amiko, tahaka Ahy mijanona miaraka amin'ny Raiko.

**dia mamokatra be izy**  
Ny dia sari-teny tiana ambara eto dia ny sampana mamokatra izay maneho ny mpino izay ankasitrahana'Andriamanitra. Tahaka ny sampana izay miraikitra amin'ny voaloboka dia hamokatra be, dia hanao zavatra maro izay mahafaly an'Andriamanitra ireo izay mijanona miaraka amin'i Jesosy . DH: "ianareo dia hamokatra voa maro"

**ho ariana tahaka ny sampana izy**  
Ny sari-teny tiana ambara eto dia ireo sampana tsy manome voa izay maneho ireo izay tsy mijanona miaraka amin'i Jesosy. DH: "Ny mpikarakara ny voaloboka dia hanary azy tahaka ny sampana"

**ary may izy ireo**  
DH: "ny afo handoro azy ireo"

**angataho na inona na inona irianareo**  
Jesosy dia milaza fa ireo mpino dia tokony hangataka amin'Andriamanitra mba hamaly ny vavak'izy ireo. DH: "Angataho amin'Andriamanitra izay rehetra irinareo"

**ho atao aminareo izany**  
DH: "hataony ho anareo izany"

### John 15:8

**Ny Raiko dia omem-boninahitra amin'izao**  
DH: "Izany dia mahatonga ny olona hanome voninahitra ny Raiko"

**Ny Raiko**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ny hamokaranareo voankazo bebe kokoa**  
Eto ny "voankazo" dia sari-teny maneho ny mivelona mba hahafaly an'Andriamanitra. DH: "Rehefa miaina amin'ny fomba mahafaly Azy ianareo"

**mpianatro ianareo**  
"asehoy fa mpianatro ianareo" na "porofoy fa mpianatro ianareo"

**Tahaka ny nitiavan'i Ray Ahy, no nitiavako anareo**  
Jesosy dia mizara ny fitiavana izay ananan'Andriamanitra ho Azy amin'ireo olona izay mahatoky Azy. Eto ny "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Mitoera ao amin'ny fitiavako**  
"tohizo ny fanekena ny fitiavako"

### John 15:10

**Raha mitandrina ireo didiko ianareo, dia hitoetra ao amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ireo didin'ny Raiko sy nitoerako tao amin'ny fitiavany.**  
Rehefa mankatoka Azy ireo mpanara-dia an'i Jesosy, dia maneho ny fitiavan'izy ireo ho Azy izy ireo. DH: "Rehefa manao ireo zavatra izay noteniko ataonareo ianareo, dia velona ao amin'ny fitiavako, tahaka ny nankatoavako ny Raiko sy niaina ny fitiavany"

**Ny Raiko**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Nilaza ireny zavatra ireny taminareo Aho mba ho ao aminareo ny fifaliako**  
"Niteny anareo ireny zavatra ireny Aho mba hanananareo ny karazana fifaliana mitovy amin'izay ananako"

**mba ho feno ny fifalianareo.**  
DH: "mba ho faly tanteraka ianareo" na "mba tsy ory na inona na inona ny fifalianareo"

**John 15:12**

**Tsy misy manam-pitiavana lehibe mihoatra noho izao**  
 Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary maniry izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony. DH: "Tsy hahazo fitiavana lehibe noho izao ianareo."

**ny ainy**

Ity dia maneho ny fiainana ara-nofo.

**John 15:14**

**Namako ianareo raha manao ireo zavatra andidiko anareo ireo.**

"Mampiseho ianareo fa namako raha toa ka manohy manao izay nandidiko anareo.

**ny zavatra rehetra izay reko tamin'ny Raiko, dia nampahafantariko anareo**

"Efa nolazaiko taminareo daholo izay nolazain'ny Raiko tamiko."

**Ny Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**John 15:16**

**Tsy nifidy Ahy ianareo**

Jesosy dia milaza fa tsy nifidy ny ho mpianany samirery ireo mpanara-dia Azy. DH: "Ianareo dia tsy nifidy ny ho mpianatro"

**andeha ka hamokatra**

Eto ny "hamokatra" dia sari-teny maneho ny fiainana izay ankasitrahana'Andriamanitra. DH: "hiaino ny fiainana izay ankasitrahana'Andriamanitra"

**ary mba tokony hitoetra ny vokatrareo**

"ary mba haharitra mandrakizay ny vokatr'izay ataonareo"

**na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray amin'ny Anarako, dia homeny anareo izany**

Eto ny "anarana" dia maneho ny fahefana'i Jesosy. DH: "Satria Ahy ianareo, koa na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray, dia homeny anareo izany"

**Ny Raiko**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Ireny zavatra ireny no andidiko anareo mba hifankatiavanareo**

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary maniry izay mahasoa ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na

inona na inona nataony. DH: "Averiko aminareo indray izay efa nandidiko anareo hoe: mifankatiava ianareo."

**John 15:18**

**Raha mankahala anareo izao tontolo izao ... noho izany dia halan'izao tontolo izao ianareo**

Jesosy dia mampiasa ny teny hoe "izao tontolo izao" ato amin'ireto andininy ireto mba hanehoana ireo olona izay tsy an'Andriamanitra sy manohitra Azy.

**tia**

Ity dia maneho ny olombelona, ny fitiavana ara-pirahalahiana na fitiava-namana na fianakaviana.

**John 15:20**

**Tsarovy ny teny nolazaiko taminareo**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatr'i Jesosy. DH: "tsarovy ny hafatra izay nolazaiko taminareo"

**nohon'ny Anarako,**

Eto ny "nohon'ny Anarako" dia maneho an'i Jesosy. Ny olona dia hampijaly ireo mpanara-dia Azy satria Azy izy ireo. DH: "satria Ahy ianareo"

**Raha tsy tonga sy niteny tamin'izy ireo Aho, dia tsy nanota izy ireo, fa ankehitriny tsy afa-miala amin'ny fahotany izy ireo.**

Jesosy dia milaza eto fa nizara ny hafatr'Andriamanitra tamin'ireo izay tsy mahatoky Azy Izy. DH: "Satria tonga sy niteny azy ireo ny hafatr'Andriamanitra Aho, dia tsy manana fialan-tsiny izy ireo rehefa mitsara azy ireo ny amin'ny otan'izy ireo Andriamanitra"

**John 15:23**

**Izay mankahala Ahy dia mankahala ny Raiko ... fa ankehitriny efa sady hitany no halany Izaho sy ny Raiko**  
 Ny mankahala an'Andriamanitra Zanaka dia mankahala an'Andriamanitra Ray.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**Raha tsy nahavita ireo asa izay tsy nataon'ny olon-kafa teo anivon'izy ireo Aho, dia tsy ho nanan-keloka izy ireo, fa**

DH: "Satria nanao ny asa izay mbola tsy nataon'iza na iza teo amin'izy ireo Aho, dia nanota izy ireo, ary"

**hahatanteraka ny teny izay voasoratra ao amin'ny lalàn'izy ireo**

DH: "mba hanatanteraka ny faminiana izay ao amin'ny lalàn'izy ireo"

**lalàn'izy ireo**

Ity dia maneho ny ao amin'ny Testamenta Taloha iray manontolo amin'ny ankapobeny, izay misy ny fampianaran'Andriamanitra rehetra ho an'ireo vahoakany.

## John 15:26

### **Mpampahery**

Ity dia maneho ny Fanaha Masina. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 14:15.

**hirahiko aminareo avy amin'ny Ray, ilay, Fanahin'ny Fahamarinana, izay mivoaka avy amin'ny Ray—dia hanambara ny momba Ahy Izy**  
Andriamanitra Ray dia naniraka an'Andriamanitra Fanahy mba hampiseho amin'izao tontolo izao fa Jesosy no Andriamanitra Zanaka.

### **Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### **Fanahin'ny fahamarinana**

Ity dia fiantsoana ny Fanahy Masina. DH: "Ny Fanahy izay miteny ny marina momba Ahy sy Andriamanitra."

### **Ianareo ihany koa dia mijoro vavolombelona**

Eto ny "mijoro vavolombelona" dia midika hoe mitantara amin'ny olona hafa ny momban'i Jesosy. DH: "Ianao koa dia tokony miteny amin'ny olona rehetra izay fantatrao momba Ahy."

### **am-piandohana**

Eto ny "fiandohana" dia midika hoe ny andro voalohan'ny fampianaran'i Jesosy. DH: "hatramin'ny andro voalohany rehefa nanomboka nampianatra ny olona sy nanao fahagagana Aho"

## Chapter 16

<sup>1</sup> "Nolazaiko taminareo izany zavatra rehetra izany mba tsy ho solafaka ianareo. <sup>2</sup> Ho roahin'izy ireo ao amin'ny synagoga ianareo. Fa tonga ny andro rehefa hihevitra izay rehetra mamono anareo fa izy ireo dia manolotra zavatra tsara ho an'Andriamanitra. <sup>3</sup> Ho ataon'izy ireo izany satria tsy mahalala ny Ray na ny Tenako izy ireo. <sup>4</sup> Nolazaiko anareo ireo zavatra ireo mba rehefa avy ny oran'izy ireo, dia ho tsaroanareo fa efa nolazaiko taminareo ny momba azy ireo. Tsy nambarako taminareo ireo zavatra ireo tany am-piandohana, satria mbola teo aminareo Aho. <sup>5</sup> Fa Ankehitriny ho any amin'Ilay naniraka Ahy Aho, nefa tsy mbola nisy nanontany Ahy ianareo hoe: "Handeha ho aiza moa Ianao?" <sup>6</sup> Fa satria nolazaiko taminareo ireo zavatra ireo, dia alahelo no nameno ny fonareo. <sup>7</sup> Fa lazaiko marina aminareo, tsara kokoa ho anareo ny handehanako. Satria raha tsy mandeha Aho, dia tsy ho tonga aminareo ny Mpampahery, fa raha mandeha Aho, dia handefa azy ho aminareo. <sup>8</sup> Rehefa tonga izy, dia hanaporofa amin'izao tontolo izao ho diso momban'ny fahotana, ny fahamarinana, ary moban'ny fitsarana— <sup>9</sup> momban'ny fahotana ny mpampahery, satria tsy mino Ahy izy ireo; <sup>10</sup> momban'ny fahamarinana, satria hody any amin'ny Ray Aho, ka tsy ho hitanareo intsony; <sup>11</sup> ary momban'ny fitsarana, satria ny mpanapaka izao tontolo izao dia notsaraina. <sup>12</sup> Manana zavatra maro hambara aminareo Aho, fa tsy ho azonareo ny hevitr'izany izao. <sup>13</sup> Kanefa, rehefa tonga izy, Fanahin'ny Fahamarinana, dia hitarika anareo ho amin'ny fahamarinana rehetra, satria tsy hiteny avy amin'ny tenany izy. Fa hilaza izay rehetra reny izy, ary hilaza aminareo ireo zavatra izay ho avy. <sup>14</sup> Hanome voninahitra Ahy izy, satria ny avy amin'ny Ahy ihany no hambarany aminareo. <sup>15</sup> Izay rehetra anana'ny Ray dia Ahy. Noho izany, niteny Aho fa ilay Fanahy dia haka amin'izay Ahy ary hiteny izany aminareo. <sup>16</sup> Afaka fotoana fohy dia tsy hahita Ahy intsony ianareo, ary afaka fotoana fohy hafa dia hahita Ahy indray ianareo." <sup>17</sup> Avy eo ny sasany tamin'ireo mpianany nifampiresaka hoe: "Inona ary izany lazainy antsika izany hoe: 'Afaka fotoana fohy dia tsy hahita Ahy intsony ianareo ary afaka fotoana fohy hafa dia hahita Ahy indray ianareo,' sy hoe: 'Satria ho any amin'ny Ray Aho?'" <sup>18</sup> Noho izany dia hoy izy ireo hoe: "Inona ary izany lazainy izany hoe: 'afaka fotoana fohy'? Tsy fantatray ny tiany hambara." <sup>19</sup> Hitan'i Jesosy fa te-hanontany Azy izy ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izao ve no anontanianareo tena, dia ny tiko hambara amin'ny fitenenana hoe: 'Fotoana fohy sy tsy hahita Ahy intsony ianareo, ary afaka fotoana fohy indray nefa dia hahita Ahy ianareo'? <sup>20</sup> Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa hitomany ianareo ary hitaraina, fa izao tontolo izao kosa hifaly. Ho feno alahelo ianareo, kanefa ho lasa hafaliana izany alahelonareo izany. <sup>21</sup> Rehefa mihetsi-jaza ny vehivavy iray dia malahelo satria tonga ny fotoany, fa rehefa teraka kosa ilay zazakely, dia tsy tsaroany intsony ny alahelony nohon'ny hafaliany fa nisy zazakely teraka eo amin'izao tontolo izao. <sup>22</sup> Ka malahelo ianareo ankehitriny, kanefa Aho mbola hiaona aminareo indray, ary ho faly ny fonareo, ary tsy hisy hanaisotra izany hafalianareo izany aminareo. <sup>23</sup> Amin'izany andro izany dia tsy hangataka amiko na inona na inona ianareo. Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, raha mangataka na inona na inona amin'ny Ray amin'ny anarako ianareo, dia homeny anareo izany. <sup>24</sup> Hatramin'izao anefa tsy mbola nanagataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataka, dia homena ianareo mba ho feno ny hafalianareo. <sup>25</sup> Efa nolazaiko taminareo tamin'ny fanoharana ireo zavatra ireo, fa avy ny ora rehefa tsy hiresaka aminareo amin'ny fanoharana intsony Aho, fa kosa hilaza aminareo mazava ny momban'ny Ray. <sup>26</sup> Amin'izany andro izany dia hangataka amin'ny anarako ianareo ary tsy hilaza anareo Aho hoe hivavaka amin'ny Ray ho anareo, <sup>27</sup> fa ny Ray mihitsy no tia anareo satria nitia Ahy ianareo ary nino fa avy any amin'ny Ray Aho. <sup>28</sup> Avy amin'ny Ray Aho, ary tonga teto an-tany. Fa handao izao tontolo izao Aho ary ho any amin'ny Ray." <sup>29</sup> Hoy ny mpianany taminy hoe: "Jereo, Ankehitriny Ianao miteny mazava tsara ary tsy mampiasa fanoharana. <sup>30</sup> Fantatray ankehitriny fa mahalala ny zava-drehetra Ianao, ary tsy misy tianao hametraka fanontaniana aminao. Noho izany, dia mino izahay fa avy amin'Andriamanitra Ianao." <sup>31</sup> Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Mino amin'izay ve ianareo? <sup>32</sup> Indro, tonga izao ny ora, eny, tonga tokoa, rehefa hiparitaka ianareo, ny tsirairay samy any amin'ny tranony avy manokana, dia havelanareo irery Aho. Nefa tsy irery Aho satria miaraka amiko ny Ray. <sup>33</sup> Efa nolazaiko taminareo ireo zavatra ireo mba hanana fiadanana ato Amiko ianareo. Manan'olana ianareo eto amin'izao tontolo izao, nefa mahereza: efa nandresy izao tontolo izao Aho."



**John 16:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mbola mitohy ny fizaran'ny tantara tao amin'ny toko teo aloha. Jesosy dia mipetraka eo amin'ny latabatra miaraka amin'ireo mpianany ary manohy miresaka amin'izy ireo.

**tsy ho solafaka ianareo**

Eto ny "solafaka" dia midika hoe mijanona mametraka ny fahatokisan'ny tsirairay ao amin'i Jesosy. DH: "ka mba tsy hitsahatra ny hatoky Ahy ianareo noho ireo olona izay tsy maintsy atrehanareo."

**tonga ny andro rehefa hihevitra izay rehetra mamono anareo fa izy ireo dia manolotra zavatra tsara ho an'Andriamanitra**

"ho avy ny andro izay hamonoan'ny olona anareo ary hihevitra fa manao zavatra tsara ho an'Andriamanitra izy ireo."

**John 16:3****Ho ataon'izy ireo izany satria tsy mahalala ny Ray na ny Tenako izy ireo**

Izy ireo dia hamono ny mpino sasany nohon'ny tsy fahafantaran'izy ireo an'Andriamanitra Ray na Jesosy

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**rehefa avy ny oran'izy ireo**

Eto ny "ora" dia sari-teny maneho ny fotoana izay hanenjarahana ireo mpanara-dia an'i Jesosy. DH: "rehefa hampijaly anareo izy ireo"

**tany am-piandohana**

Ity dia entina maneho ny andro voalohan'ny asa fanompoan'i Jesosy. DH: "raha vao nanomboka nanaraka Ahy ianareo"

**John 16:5****alahelo no nameno ny fonareo**

Ity dia fomba fiteny izay midika fa tena malahelo ireo mpianatra. DH: "Ary tena malahelo ianareo"

**Satria raha tsy mandeha Aho, dia tsy ho tonga aminareo ny Mpampahery**

DH: "Ny Mpampahery dia ho avy aminareo rehefa mandeha Aho"

**Mpampahery**

Ity dia fiantsoana ny Fanaha Masina izay hiaraka amin'ireo mpianatra rehefa andeha Jesosy. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 14:15.

**John 16:8****dia hanaporoko amin'izao tontolo izao ho diso momban'ny fahotana ny mpampahery ... fahamarinana ... satria hody any amin'ny Ray Aho**

Rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia nanomboka nampiseho ny olona fa mpanota izy ireo.

**Mpampahery**

Ity dia maneho ny Fanaha Masina. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 14:15.

**izao tontolo izao**

Ity dia entina maneho ny olona eran-tany.

**momban'ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy ireo**

"Izy ireo dia meloky ny ota satria tsy mahatoky Ahy"

**momban'ny fahamarinana, satria hody any amin'ny Ray Aho, ka tsy ho hitanareo intsony**

"Rehefa miverina any amin'Andriamanitra Aho, ka tsy ho hitan'izy ireo intsony, dia ho fantatr'izy ireo fa nanao ny zavatra marina Aho"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**momban'ny fitsarana, satria ny Mpanapaka izao tontolo izao dia notsaraina.**

"Andriamanitra dia hihazona azy ireo ho tompon'andraikitra ary hanasazy azy ireo noho ireo otan'izy ireo, tahaka ny hanasaziany ny Satana, ilay manjaka an'ity tany ity"

**mpanapaka izao tontolo izao dia notsaraina.**

Eto ny hoe "mpanapaka" dia maneho ny Satana. DH: "Satana izay manapaka an'ity tany ity." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 12:30.

**John 16:12****zavatra maro hambara aminareo**

"hafatra ho anareo" na "teny ho anareo"

**Fanahin'ny Fahamarinana**

Ity dia anarana hiantsoana ny Fanahy Masina izay hilaza ny fahamarinana momban'Andriamanitra amin'ny olona.

**dia hitarika anareo ho amin'ny fahamarinana rehetra**

Ny "fahamarinana" dia maneho ny fahamarinana ara-panahy. DH: "Izy dia hampianatra anareo rehetra ny fahamarinana ara-panahy izay ilainareo ho fantatra"

**hilaza izay rehetra reny izy**

Jesosy dia milaza fa Andriamanitra Ray dia hiresaka amin'ny Fanahy Masina. DH: "Izy dia hiteny na inona na inona asain'Andriamanitra teneniny"

ny avy amin'ny Ahy ihany no hambarany aminareo.  
Eto ny hoe "avy amin'ny Ahy" dia maneho ny fampianaran'i Jesosy sy ireo asa lehibeny. DH: "Izy dia hampiseho anareo fa izay nolazaiko sy nataoko dia marina tokoa.

### John 16:15

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ilay Fanahy dia haka amin'izay Ahy ary hiteny izany aminareo**

Ny Fanahy Masina dia hiteny amin'ny olona fa ireo teny sy asan'i Jesosy dia marina. DH: "Ny Fanahy Masina dia hiteny ny olona tsirairay avy fa ny teniko sy ny asako dia marina"

### John 16:17

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Misy fihatoana eo amin'ny resak'i Jesosy raha iny ireo mpianany nifampanontany momban'ny tian'i Jesosy lazaina.

**Afaka fotoana fohy dia tsy hahita Ahy intsony ianareo**

Ny mpianatra dia tsy nahafantatra fa ity dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy eo amin'ny hazofijaliana.

**ary afaka fotoana fohy hafa dia hahita Ahy indray ianareo**

Ny mety ho dikany: 1) Ity dia mety maneho ny fitsanganan'i Jesosy amin'ny maty na 2) Ity dia mety maneho ny fahatongavan'i Jesosy amin'ny andro farany.

**Ny Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### John 16:19

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jesosy dia mbola manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**Izao ve no anontanianareo tena, dia ny tiko hambara amin'ny fitenenana hoe ... hahita Ahy ianareo'?**

Jesosy mampiasa ity fanontaniana ity mba hampifantoana ireo mpianany amin'ny zavatra izay vao nolazainy, mba hafahany manazava bebe kokoa. DH: "Ianareo dia manontany tena ny amin'izay tiakao hambara raha nilaza Aho, ... hahita Ahy ianareo"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao amin'ny fomba hanamafisan'ny fiteninao ity fa izay manaraka eo dia manan-danja sy marina. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:49.

**fa izao tontolo izao kosa hifaly**

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona izay manohitra an'Andriamanitra. DH: "fa ireo olona izay manohitra an'Andriamanitra dia ho faly"

**kanefa ho lasa hafaliana izany alahelonareo izany**

DH: "fa ny alahelonareo dia ho lasa hafaliana"

### John 16:22

**ho faly ny fonareo,**

Ity dia fomba fiteny izay miresaka ny fo toy ny hoe olona izany. DH: "ho faly be ianareo" na "ho tena faly be ianareo"

**marina, dia marina tokoa**

Adikao amin'ny fomba hanamafisan'ny fiteninao ity fa izay manaraka eo dia manan-danja sy marina. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:49.

**raha mangataka na inona na inona amin'ny Ray amin'ny anarako ianareo, dia homeny anareo izany**

Eto ny "anarana" dia maneho ilay olona sy ny fahefan'i Jesosy. DH: "raha mangataka na inona na inona amin'ny Ray ianareo, dia homeny anareo izany satria Ahy ianareo"

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**tamin'ny anarako ianareo**

Eto ny "anarana" dia maneho ilay olona sy ny fahefan'i Jesosy. Ny Ray dia hanaja ny fangatahan'ireo mpino nohon'ny fifandraisan'izy ireo amin'i Jesosy. DH: "Satria ianareo mpanara-dia Ahy" na "amin'ny fahefako"

**ho feno ny hafalianareo.**

DH: "hanome hafaliana be anareo Andriamanitra"

### John 16:25

**tamin'ny fanoharana ireo zavatra ireo**

"karazana sari-teny"

**avy ny ora**

"efa hitranga tsy ho ela"

**hilaza aminareo mazava ny momban'ny Ray.**

"hilaza aminareo ny mahakasika ny Ray amin'ny fomba mora ahazoanareo azy."

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### John 16:26

**hangataka amin'ny anarako ianareo**

Ny "anarana" eto dia entina hilazana ny olona iray sy ny fahefan'i Jesosy. DH: "hangataka ianareo satria Ahy ianareo"

**ny Ray mihintsy no tia anareo satria nitia Ahy ianareo**  
Rehefa tia an'i Jesosy ny olona iray, ilay Zanaka, dia  
tia an'ilay Ray koa, satria ny Ray sy ny Zanaka dia  
iray ihany.

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho  
an'Andriamanitra.

**Avy amin'ny Ray Aho ... handao ny tany indray Aho ary  
ho any amin'ny Ray**  
Aorian'ny fahafatesana sy ny fitsanganany, dia  
hiverina any amin'Andriamanitra Ray Jesosy.

**izao tontolo izao**  
Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia entina hanehoana  
ireo olona monina eto ambonin'ny tany.

### **John 16:29**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ireo mpianatra dia mamaly an'i Jesosy.

**Mino amin'izay ve ianareo?**  
Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika  
fanontaniana mba hampisehoana fa gaga Jesosy fa

izao ireo mpianany vao vonona hahatoky Azy. DH:  
"Koa, ny farany vonona ny hahatoky Ahy ihany  
ianareo!"

### **John 16:32**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy manohy miresaka amin'ireo mpianany.

**hiparitaka ianareo**  
DH: "ny sasany dia hanaparitaka anareo"

**miaraka amiko ny Ray**  
Ny Ray dia fiantsoana manan-danja ho  
an'Andriamanitra.

**mba hanana fiadanana ato Amiko ianareo**  
Eto ny "fiadanana" dia maneho ny fiadanana anaty.  
DH: "mba hananareo fiadanana anaty nohon'ny  
fifandraisanareo amiko ianareo"

**efa nandresy izao tontolo izao Aho**  
Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ireo olana sy  
fanenjehana izay hiatra amin'ireo mpino noho ireo  
olona manohitra an'Andriamanitra. DH: "Izaho dia  
nandresy ny olan'izao tontolo izao"

## Chapter 17

<sup>1</sup> Rehefa avy niteny ireo zavatra ireo Jesosy, dia nanandratra ny masonry ho amin'ny lanitra Izy ka nanao hoe: "Ray ô, tonga ny fotoana, mankalazà ny Zanakao mba hankalazan'ny Zanka Anao." <sup>2</sup> tahaka ny nanomezanao Azy fahefana ambonin'ny nofo rehetra mba hanomezany fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao Azy. <sup>3</sup> Izao no fiainana mandrakizay: dia ny ahafantaran'izy ireo Anao, ilay Andriamanitra tokana sady marina, ary Izy izay nirahinao, dia Jesosy Kristy. <sup>4</sup> Nankalaza Anao aho teto an-tany. Efa vitako ny asa izay nomenao Ahy ho ataoko. <sup>5</sup> Ankehitriny, ry Ray, hankalazao miaraka amin'ny tenanao Aho amin'ny voninahitra izay nananako niaraka taminao talohan'ny nahariana izao tontolo izao. <sup>6</sup> Nampahafantatra ny anaranao tamin'ny olona izay nomenao Ahy avy amin'izao tontolo izao Aho. Anao ireny, ary nomenao Ahy, ary notandreman'ny teninao. <sup>7</sup> Ankehitriny fantatr'izy ireo fa ny zavatra rehetra izay nomenao Ahy dia avy aminao, <sup>8</sup> satria nomeko azy ireo avokoa ny teny izay nomenao Ahy. Noraisin'izy ireo ireny ary fantany marina tokoa fa avy taminao Aho, ary nino izy ireo fa Ianao no naniraka Ahy. <sup>9</sup> Mivavaka ho azy ireo Aho. Tsy mivavaka ho an'izao tontolo izao Aho fa ho an'ireo izay nomenao Ahy, noho izy ireo Anao. <sup>10</sup> Ny zavatra rehetra izay Ahy dia Anao, ary izay Anao dia Ahy, ary hankalazaina amin'ireny Aho. <sup>11</sup> Tsy amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa ireo olona ireo dia eto amin'izao tontolo izao, ary manatona anareo Aho. Ray Masina o, tazomy amin'ny anaranao izay nomenao Ahy izy ireo mba hitambatra ho iray, tahaka ny maha iray Antsika. <sup>12</sup> Raha mbola teo amin'izy ireo Aho, dia nihazona azy ireo tamin'ny anaranao, izay nomenao Ahy. Niaro azy ireo Aho, ary tsy nisy very na dia iray aza, afa-tsy ny zanaky ny fahaverezana ihany, mba ho tanteraka ny Soratra Masina. <sup>13</sup> Ary ho any aminao Aho, fa milaza ireo zavatra ireo amin'izao tontolo izao Aho mba hahatanteraka ny hafaliako ao amin'izy ireo. <sup>14</sup> Efa nomeko azy ireo ny teninao, ary nankahalain'izao tontolo izao izy ireo satria tsy avy amin'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy an'izao tontolo izao. <sup>15</sup> Izaho dia tsy mangataka Aminao ny hanalanao azy ireo amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiarovanao azy ireo amin'ilay ratsy. <sup>16</sup> Izy ireo dia tsy an'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy an' izao tontolo izao. <sup>17</sup> Hamasino amin'ny fahamarinana izy ireo. Fa ny teninao no fahamarinana. <sup>18</sup> Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao, no nanirahako azy ireo ho amin'izao tontolo izao ihany koa. <sup>19</sup> Fa nohon'ny fitiavako azy ireo no nanamasinako ny tenako, mba hanamasinana ny tenan'izy ireo amin'ny fahamarinana ihany koa. <sup>20</sup> Izaho dia tsy mivavaka ho an'ireo fotsiny, fa ho an'ireo izay hino Ahy amin'ny alalan'ny tenin'izy ireo koa. <sup>21</sup> mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka anao, Ray, ato amiko, ary Izaho ao aminao. Mivavaka Aho mba ho ao amintsika ihany koa izy ireo mba hinoan'izao tontolo izao fa naniraka Ahy Ianao. <sup>22</sup> Ny voninahitra izay nomenao Ahy, dia nomeko azy ireo, mba ho iray izy ireo, tahaka ny maha iray antsika. <sup>23</sup> Izaho ao amin'izy ireo, ary Ianao ato amiko—ka ho tena iray tanteraka tokoa izy ireo, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa naniraka Ahy Ianao, ary nitia azy ireo tahaka ny nitivanao Ahy. <sup>24</sup> Ray ô, ireo izay nomenao Ahy dia tiako hiaraka amiko na aiza na aiza misy Ahy, ary hahita ny voninahitra, ilay voninahitra izay nomenao Ahy satria nitia Ahy Ianao talohan'ny nahariana izao tontolo izao. <sup>25</sup> Ray marina ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao, fa Izaho mahalala Anao; ary izy ireo mahalala fa naniraka Ahy ianao. <sup>26</sup> Nampahafantariko azy ireo ny anaranao, ary mbola ho hampahafantariko izany mba ho ao amin'izy ireo ny fitiavana izay nitivanao Ahy, ary Izaho ho ao amin'izy ireo."

### John 17:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mbola mitohy ny fizaran'ny tantara tamin'ny toko teo aloha. Jesosy efa niresaka tamin'ireo mpianany, ary manomboka mivavaka amin'Andriamanitra izao.

**dia nanandratra ny masonry ho amin'ny lanitra Izy**  
Ity dia fomba fiteny izay midika hoe mijery miakatra. DH: "nijery ny lanitra Izy"

#### lanitra

Ity dia maneho ny habakabaka.

#### Ray ô ... mankalazà ny Zanakao mba hankalazan'ny Zanka Anao

Jesosy manontany an'Andriamanitra Ray mba hanome voninahitra Azy ka mba hafahany manome voninahitra an'Andriamanitra.

#### Ray ... Zanka

Ny "Ray ... Zanka" dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

#### tonga ny fotoana

Eto ny hoe "fotoana" dia entina anehoana ny fotoana hijalian'i Jesosy sy hafatesany. DH: "fotoana izao hijaliako sy hafatesako"

**ny nofo rehetra**  
Ity dia maneho ny olona rehetra.

### John 17:3

**Izao no fiainana mandrakizay: dia ny ahafantaran'izy ireo Anao, ilay Andriamanitra tokana sady marina, ary Izy izay nirahinao, dia Jesosy Kristy**  
Ny fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra ny tena Andriamanitra tokana, Andriamanitra Ray sy Andriamanitra Zanaka.

**ahafantaran'izy ireo Anao**  
Ity dia fomba fiteny hilazana hoe miaina miaraka amin'Andriamanitra fa tsy hoe mahafantatra zavatra momba Azy fotsiny.

**ny asa izay nomenao Ahy ho ataoko**  
Eto ny "asa" dia sari-teny milaza ny asan'i Jesosy rehetra teto ambonin'ny tany.

**ry Ray, hankalazao miaraka amin'ny tenanao Aho amin'ny voninahitra izay nananako niaraka taminao talohan'ny nahariana izao tontolo izao**  
Jesosy dia manana voninahitra miaraka amin'Andriamanitra Ray "talohan'ny nahariana izao tontolo izao" satria Jesosy dia Andriamanitra Zanaka. DH: "ry Ray, omeo voninahitra Aho amin'ny fitondrana Ahy eo amin'ny fanatrehan'ao tahaka ny tamintsika teo aloha namorona izao tontolo izao"

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### John 17:6

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Jesosy dia manomboka mivavaka ho an'ireo mpianany.

**Nampahafantatra ny anaranao**  
Eto ny "anarana" dia maneho ny maha-Andriamanitra Azy. DH: "Nampianariko azy ireo hoe iza marina Ianao ary ohatran'ny ahoana Ianao."

**avy amin'izao tontolo izao**  
Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona eto an-tany izay manohitra an'Andriamanitra. Izany dia midika hoe Andriamanitra dia nanasaka ireo mpino ara-panahy tamin'ireo olona izay tsy mino Azy.

**notandremany ny teninao**  
Ity dia fomba fiteny izay midika hoe mankatoa. DH: "nankatoa ny fampianaranao"

### John 17:9

**Tsy mivavaka ho an'izao tontolo izao**  
Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona izay manohitra an'Andriamanitra. DH: "Izaho dia tsy mivavaka ho an'ireo izay tsy Ahy"

**eto amin'izao tontolo izao**  
Ity dia entina hilazana hoe eto an-tany ary isan'ireo olona manohitra an'Andriamanitra. DH: "isan'ireo olona izay tsy Ahy"

**Ray Masina o, tazomy amin'ny anaranao izay nomenao Ahy izy ireo mba hitambatra ho iray, tahaka ny maha iray Antsika.**  
Jesosy dia mangataka ny Ray mba hitazona ireo izay mahatoky Azy mba hafahan'izy ireo manana fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra.

**Ray**  
Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra

**tazomy amin'ny anaranao izay nomenao Ahy izy ireo**  
Eto ny teny hoe "anarana" dia milaza ny fiarovan'Andriamanitra sy ny fanaraha-masony. DH: "tazomy eo ambanin'ny fiarovan'ny anaranao tahaka ny niarovan'ao Ahy izy ireo" na "Arovy izy ireo amin'ny herin'ny anaranao izay nomenao Ahy"

### John 17:12

**nihazona azy ireo tamin'ny anaranao**  
Eto ny "anarana" dia maneho ny hery sy fiarovan'Andriamanitra. DH: "Nihazona azy ireo tamin'ny fiarovan'ao Aho"

**tsy nisy very na dia iray aza, afa-tsy ny zanaky ny fahaverezana ihany**  
"ilay iray izay very teo amin'izy ireo dia ny zanaky ny fahaverezana ihany"

**ny zanaky ny fahaverezana**  
Ity dia maneho an'i Jodasy, izay namitaka an'i Jesosy. DH: "Ilay iray izay efa hatrin'ny ela no nanapahanao hevitra ho potehina"

**mba ho tenteraka ny Soratra Masina**  
DH: "mba hanatanteraka ny faminiana momba Azy ao amin'ny Soratra Masina"

**amin'izao tontolo izao**  
Ny hoe "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona izay monina eto ambonin'ny tany.

**hahatanteraka ny hafaliako ao amin'izy ireo**  
DH: "ka mba mety omenao fifaliana lehibe izy ireo"

**nankahalain'izao tontolo izao izy ireo satria tsy avy amin'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy an'izao tontolo izao**  
Eto ny "izao tontolo izao" dia entina hanehoana ireo olona izay manohitra an'Andriamanitra. DH: "Ny olona izay manohitra anareo dia nankahala ireo mpanara-dia Ahy satria tsy an'ireo izay tsy mahatoky izy ireo, tahaka Ahy tsy azy ireo"

**John 17:15****izao tontolo izao**

Amin'ity andalana ity, ny hoe "izao tontolo izao" dia entina hanehoana ireo olona izay manohitra an'Andriamanitra.

**hiarovanao azy ireo amin'ilay ratsy**

Ity dia maneho ny Satana. DH: "mba hiarovana azy ireo amin'i Satana, ilay ratsy"

**Hamasino amin'ny fahamarinana izy ireo**

Ny teny hoe "amin'ny fahamarinana" eto dia maneho ny fampianarana ny fahamarinana. DH: "Atovy ho olona izy ireo amin'ny fampianarana azy ireo ny fahamarinana"

**ny teninao no fahamarinana**

"ny hafatrao dia marina" na "izay lazainao dia marina"

**John 17:18****ho amin'izao tontolo izao**

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ireo olona izay monina eto ambonin'ny tany. DH: "ho an'ireo olona eto amin'izao tontolo izao"

**mba hanamasinana ny tenan'izy ireo amin'ny fahamarinana ihany koa**

DH: "mba hanamasinana marina ny tenan'izy ireo ho Anao ihany koa"

**John 17:20****ho iray ihany izy rehetra, tahaka anao, Ray, ato amiko, ary Izaho ao aminao. Mivavaka Aho mba ho ao amintsika ihany koa izy ireo**

Ireo izay mahatoky an'i Jesosy dia ho iray amin'ny Ray sy ny Zanaka rehefa mino izy ireo.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia entina maneho ireo olona izay mbola tsy mahafantatra an'Andriamanitra. DH: "Ireo olona izay tsy mahafantatra an'Andriamanitra"

**John 17:22**

**Ny voninahitra izay nomenao Ahy, dia nomeko azy ireo**  
"Izaho dia nanome voninahitra ny mpanara-dia Ahy tahaka ny nanomezanao voninahitra Ahy"

**mba ho iray izy ireo, tahaka ny maha iray antsika**

DH: "mba afaka ataonao iray ihany izy ireo tahaka ny nanaovanao antsika ho iray ihany.

**ka ho tena iray tanteraka tokoa izy ireo**

"ka mba tena ho iray tanteraka izy ireo"

**ho fantatr'izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia entina maneho ireo olona izay mbola tsy mahafantatra an'Andriamanitra. DH: "ho fantatry ny olona rehetra"

**nitia**

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**John 17:24****Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**na aiza na aiza misy Ahy**

Eto ny hoe "misy Ahy" dia maneho ny lanitra. DH: "miaraka Amiko any an-danitra"

**ary hahita ny voninahitra**

"ary hahita ny halehibeko"

**talohan'ny nahariana izao tontolo izao**

Eto Jesosy dia maneho ny fotoana talohan'ny famoronana izao tontolo izao. DH: "talohan'ny naharian'Andriamanitra izao tontolo izao"

**John 17:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tapitra ny vavaka nataon'i Jesosy.

**Ray marina ô**

Eto ny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**tsy nahalala Anao izao tontolo izao**

Ny "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona izay tsy an'Andriamanitra. DH: "ireo olona izay tsy Anao dia tsy mahafantatra hoe ohatran'ny ahoana Ianao"

**Nampahafantariko azy ireo ny anaranao**

Ny hoe "anarana" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Nambarako azy ireo hoe ohatran'ny ahoana Ianao."

**fitiavana ... nitiavanao**

Ity karazana fitiavana ity dia avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.



## Chapter 18

<sup>1</sup> Taorian'ny nitenenan'i Jesosy ireo teny ireo, dia nivoaka niaraka tamin'ireo mpianany Izy ho eny ampita eny amin'ny lohasan-drika an'i Kidrona, izay nisy saha nidirany sy ireo mpianany. <sup>2</sup> Ary Jodasy, Izay hamadika an'i Jesosy, nahafantatra ny toerana koa, satria nandeha matetika teny Jesosy sy ireo mpianany. <sup>3</sup> Avy eo Jodasy, nitarika ireo vondrona miaramila sy ireo mpiandry raharaha sasany avy amin'ireo lohan'ny mpisorona sy Fariseo, nandeha tany niaraka tamin'ny fanilo, fanala ary fitaovam-piadinana. <sup>4</sup> Avy eo Jesosy, izay efa nahafantatra ny zavatra rehetra hitranga Aminy, nandroso teo aloha ary nanontany azy ireo hoe: "Iza no tadiavinareo?" <sup>5</sup> Namaly Azy izy ireo hoe: "Jesosy avy any Nazareta." Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho no Izy." Jodasy, izay namadika Azy, dia nitsangana niaraka tamin'ireo miaramila ihany koa. <sup>6</sup> Ka rehefa niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Izaho no Izy", dia nihemotra izy ireo ka lavo tamin'ny tany. <sup>7</sup> Avy eo indray dia nanontany azy ireo Izy hoe: "Iza no tadiavinareo?" Ary niteny indray izy ireo hoe: "Jesosy avy any Nazareta." <sup>8</sup> Jesosy namaly hoe: "Niteny anareo Aho fa Izaho no Izy. Noho izany raha mitady Ahy ianareo, dia avelao ireto handeha." <sup>9</sup> Izany dia mba hahatanteraka ny teny nolazainy hoe: "Amin'ireo izay nomenao Ahy, tsy nasiko very na iray aza." <sup>10</sup> Avy eo Simona Petera, izay nanana sabatra, namoaka izany ary namely ilay mpanompon'ny mpisoronabe ka nahakapa ny sofiny ankavanana. Ary Malko no anaran'ilay mpanompo. <sup>11</sup> Hoy Jesosy tamin'i Petera hoe: "Avereno ao amin'ny tranony ny sabatrao. Tsy tokony hisotro ny kapoaka izay nomen'ny Ray Ahy ve Aho?" <sup>12</sup> Noho izany ireo vondrona miaramila sy ny kapiteny, ary ireo mpiandry raharahan'ireo Jiosy, dia nisambotra an'i Jesosy ary namatotra Azy. <sup>13</sup> Nentin'ireo tany amin'i Anasy Izy aloha, satria izy dia rafozan-dahin'i Kaiafa, Izay mpisoronabe tamin'io taona io. <sup>14</sup> Ary Kaiafa dia ilay nanome hevitra ireo Jiosy fa tsara kokoa raha misy olona iray maty ho an'ny vahoaka. <sup>15</sup> Nanaraka an'i Jesosy Simona Petera, ary nanao toy izany ihany koa ny mpianatra iray hafa. Ary fantatr'ilay mpisoronabe izany mpianatra izany, ary niditra niaraka tamin'i Jesosy tao amin'ny kianjan'ny mpisoronabe izy; <sup>16</sup> fa Petera dia nijoro tao ivelan'ny vavahady. Noho izany ilay mpianatra hafa, izay fantatry ny mpisoronabe, dia nivoaka ka niresaka tamin'ilay mpanompo vavy izay mpiambina ny vavahady ary nitondra an'i Petera hiditra. <sup>17</sup> Avy eo ilay mpanompo vavy, mpiambinana ny vavahady, niteny tamin'i Petera hoe: "Ianao koa ve tsy iray amin'ny mpianatr'io lehilahy io?" Hoy izy hoe: "Tsy izy aho." <sup>18</sup> Ary nijoro teo ireo mpanompo sy ireo mpiandry raharaha, ary nandrehitra afon'arina izy ireo, satria nangatsiaka ny andro; ka nanafana ny tenan'izy ireo. Petera koa niaraka tamin'izy ireo, nijoro teo ary nanafana ny tenany. <sup>19</sup> Nanontany an'i Jesosy momba ireo mpianany sy ny fampianarany ny mpisoronabe. <sup>20</sup> Jesosy namaly azy hoe: "Niteny ampahibemaso tamin'izao tontolo izao Aho. Nampianatra mandrakariva tao amin'ny synagoga sy tao amin'ny tempoly Aho izay nifampintaonan'ny Jiosy rehetra. Tsy nisy nolazaiko tamin'ny takona. <sup>21</sup> Nahoana ianao no nanontany Ahy? Anontanio an'ireo izay nandre Ahy momba izay nolazaiko. Jereo, ireo olona ireo dia mahalala izay nolazaiko." <sup>22</sup> Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nisy iray tamin'ireo mpiandry raharaha nijoro teo namelaka tehamaina an'i Jesosy ary niteny hoe: "Izany ve no fomba hamalianao ny mpisoronabe?" <sup>23</sup> Jesosy namaly azy hoe: "Raha niteny zavatra diso Aho, mijoroa vavolombelona amin'izany diso izany, fa raha marina, nahoana ianao no mamely Ahy?" <sup>24</sup> Avy eo Anasy nandefa Azy mifatotra nankany amin'i Kaiafa ilay mpisoronabe. <sup>25</sup> Ary nitsangana Petera ka nanafana ny tenany. Avy eo hoy ireo olona taminy hoe: "Ianao koa ve tsy iray amin'ireo mpianany?" Nandà izany izy ary niteny hoe: "Tsy izy aho." <sup>26</sup> Iray tamin'ireo mpanompon'ny mpisoronabe, izay havan'ilay lehilahy izay nokapain'i Petera ny sofiny, niteny hoe: "Tsy hitako niaraka taminy tao amin'ny saha ve ianao?" <sup>27</sup> Avy eo Petera nandà indray, ary avy hatrany dia naneno ny akoho. <sup>28</sup> Avy eo nentin'izy ireo avy tao amin'i Kaiafa ho any anaty rova Jesosy. Mbola maraina be ny andro tamin'izany, ary izy ireo dia tsy niditra tao anaty rova mba tsy ho voaloto fa efa hihinana ny Paska. <sup>29</sup> Ka nivoaka teo amin'izy ireo Pilato ka niteny hoe: "Inona ny fiampangana entinareo manohitra ity lehilahy ity?" <sup>30</sup> Namaly izy ireo ary niteny taminy hoe: "Raha tsy mpanao ratsy io lehilahy io, dia tsy ho natolotray anao." <sup>31</sup> Noho izany Pilato niteny tamin'izy ireo hoe: "Hentonareo Izy, ary tsarao araky ny lalanareo." Hoy ireo Jiosy taminy hoe: "Tsy ara-dalàna ho anay ny manolotra olona ho faty." <sup>32</sup> Nilaza izany izy ireo mba hahatanteraka ny tenin'i Jesosy izay noteneniny mba hilazana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hahafatesany. <sup>33</sup> Avy eo niditra tao anaty rova indray Pilato ka niantso an'i Jesosy ary niteny taminy hoe: "Ianao ve no mpanjakan'ny Jiosy?" <sup>34</sup> Jesosy namaly hoe: "Manontany avy amin'ny tenanao ve ianao, sa nisy hafa niteny anao momba Ahy?" <sup>35</sup> Pilato namaly hoe: "Tsy Jiosy aho, sa tsy izany?" Ny vahoakanao sy ireo lohan'ny mpisorona no nanolotra anao tamiko. Inona no nataonao?" <sup>36</sup> Jesosy namaly hoe: "Ny fanjakako dia tsy avy eto amin'izao tontolo izao. Fa raha mba ao anatin'izao tontolo izao ny fanjakako, dia hiady ireo mpanompoko mba tsy hanolorana Ahy amin'ireo Jiosy. Fa ankehitriny ny fanjakako dia tsy avy ety." <sup>37</sup> Avy eo Pilato niteny taminy hoe: "Mpanjaka ary ve izany ianao?" Jesosy namaly hoe: "Voalazanao fa mpanjaka



Aho. Fa ho amin'izany tanjona izany no nahaterahako, ary ho amin'izany antony izany no niaviko eto amin'izao tontolo izao, mba hijoroko vavolombelona amin'ny fahamarinana. Ireo rehetra izay an'ny fahamariana dia mihaino ny feoko." <sup>38</sup> Pilato niteny taminy hoe: "Inona no atao hoe marina?" Rehefa avy niteny izany izy, dia nivoaka indray ary niteny tamin'ireo jiosy hoe: "Tsy mahita heloka amin'ity lehilahy ity aho." <sup>39</sup> Fa ianareo manana fomba izay hanafahako olona iray ho aminareo amin'ny Paska. Noho izany tianareo ve ny hanafahako aminareo ny mpanjakan'ny Jiosy?" <sup>40</sup> Avy eo ireo nihiaka mafy indray izy ireo ary niteny hoe: "Tsy io lehilahy io, fa Barabasy." Ary Barabasy dia mpangalatra.

### John 18:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fizarana manaraka amin'ny tantara, izay mampiditra ny fisamborana an'i Jesosy. Ny andininy 1 dia milaza antsika ny fizotry ny tantara ary ny faha-2 kosa dia manome fampahafantarana fototra antsika momban'i Jodasy.

#### Ilohasan-drika an'i Kidrona

Ilohasa ao Jerosalema izay manasaraka ny Tendrombohitry ny tempoly amin'ny tendrombohitra'Oliva.

#### izay nisy saha

Ity dia ala-kelin'oliva. DH: "izay nisy alan'oliva"

### John 18:4

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy manomboka miresaka amin'ireo miaramila, sy ireo manam-boninahitra ary ireo Fariseo.

#### Avy eo Jesosy, izay efa nahafantatra ny zavatra rehetra hitranga Aminy

"Avy eo Jesosy, izay nahafantatra ny zavatra rehetra efa hitranga Aminy."

#### Jesosy avy any Nazareta

"Jesosy, ilay lehilahy avy any Nazareta"

#### izay namadika Azy

"izay nanolotra Azy"

### John 18:6

#### lavo tamin'ny tany

Lavo tamin'ny tany ireo lehilahy nohon'ny herin'i Jesosy. DH: "nianjera nohon'ny herin'i Jesosy"

#### Jesosy avy any Nazareta

"Jesosy, ilay lehilahy avy any Nazareta"

### John 18:8

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ao amin'ny andininy faha-9 dia misy fihatona eo amin'ny fizotry ny tantara fototra raha manome antsika fampahafantarana fototra momban'ny fanatanterahan'i Jesosy ny Soratra Masina Jaona.

#### Izany dia mba hahatanteraka ny teny nolazainy

Ny teny hoe "ny teny" dia maneho ireo teny tamin'ny vavaka izay nataon'i Jesosy. DH: "Izany dia nitranga mba hahatanterahana ireo teny izay nolazainy rehefa nivavaka tamin'ny Rainy Izy"

### John 18:10

#### Malko

Malko dia lehilahy mpanompon'ny mpisoronabe.

#### ao amin'ny tranony

Ilay fitoeran'antsy na sabatra maranitra mba tsy hanapaka ny tompony ihany.

#### Tsy tokony hisotro ny kapoaka izay nomen'ny Ray Ahy ve Aho?"

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanasongadinana ny fanambaran'i Jesosy. DH: "Izaho dia tsy maintsy hisotro ny kapoka izay nomen'ny Ray ho Ahy!"

#### ny kapoaka

Eto ny "kapoaka" dia sari-teny maneho ny fijaliana izay tsy maintsy zakain'i Jesosy.

#### Ray

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

### John 18:12

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha-14 dia manome fampahafantarana fototra momban'i Kaiafa.

#### Ireo Jiosy

Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia milaza ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Ireo mpitarika Jiosy"

#### nisambotra an'i Jesosy ary namatotra Azy

Nofatoran'ireo miaramila ny tanan'i Jesosy fa sao dia mitsoaka Izy. DH: "nisambotra an'i Jesosy ary namatotra Azy mba tsy afahany mitsoaka"

### John 18:15

#### Ary fantatr'ilay mpisoronabe izany mpianatra izany, ary niditra niaraka tamin'i Jesosy ... izy

DH: "Ary ilay mpisorona-be nahafantatra izany mpianatra izany ka afaka niditra tao niaraka tamin'i Jesosy izy"

**John 18:17**

**Ianao koa ve tsy iray amin'ny mpianatr'io lehilahy io?**  
 Ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba afahan'ilay mpanompo milaza ny fanamarihan'ilay mpanompo vavy somary tamim-pitandremana. DH: "Ianao koa dia iray tamin'ireo mpianan'io lehilahy voasambotra io! Sa tsy izy ianao?"

**Ary nijoro teo ireo mpanompo sy ireo mpiandry raharaha, ary nandrehitra afon'arina izy ireo, satria nangatsiaka ny andro; ka nanafana ny tenan'izy ireo.**  
 Ireo dia mpanompon'ny mpisoronabe sy ireo mpiambina ny tempoly. DH: "Nangatsika tamin'izany, ka nandrehitra afo arina ireo mpanompon'ny mpisorona-be sy ireo mpiambina ny tempoly ary nitsangana nanafana ny tenan'izy ireo nanodidina izany"

**John 18:19**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fizotry ny tantara dia mivadika miverina mankany amin'i Jesosy.

**mpisoronabe**  
 Kaiafa izany. (Jereo ny 18:12)

**momba ireo mpianany sy ny fampianarany**  
 Eto ny hoe "fampianarany" dia maneho izay zavatra nampianarin'i Jesosy tamin'ireo olona. DH: "momba ireo mpianany sy izay nampianariny an'ny olona."

**Niteny ampahibemaso tamin'izao tontolo izao Aho**  
 Ny teny hoe "izao tontolo izao" diaentina maneho ireo olona izay nandre ny fampianaran'i Jesosy. Eto ny fanatomboana resaka hoe "izao tontolo izao" dia manamafy ny fanambaran'i Jesosy.

**izay nifampintaonan'ny Jiosy rehetra**  
 Eto ny hoe "ny Jiosy rehetra" dia filazana masaka mba hanamafisana ny fanambaran'i Jesosy. DH: "maro tamin'ireo Jiosy"

**Nahoana ianao no nanontany Ahy?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana izay lazain'i Jesosy. DH: "Tsy tokony hanontany Ahy izany fanontaniana izany ianao!"

**John 18:22**

**Izany ve no fomba hamalianao ny mpisoronabe?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Tsy izany no tokony famalianao ny mpisorona-be!"

**mijoroa vavolombelona amin'izany diso izany**  
 "teneno Ahy izay diso nolazaiko"

**fa raha marina, nahoana ianao no mamely Ahy?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana izay lazain'i Jesosy.

DH: "raha miteny ny marina ihany Aho, dia tsy tokony hamely Ahy ianao!"

**John 18:25**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fizotry ny tantara dia miverina mankany amin'i Petera.

**Ary**  
 Ity teny ity dia nampiasaina mba hanamarihana fihatoana eo amin'ny fizotry ny tantara mba hafahan'i Jaona mampahafantatra fohy momban'i Petera.

**Ianao koa ve tsy iray amin'ireo mpianany?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Ianao koa dia iray amin'ireo mpianany!"

**Tsy hitako niaraka taminy tao amin'ny saha ve ianao?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. Eto ny teny hoe "taminy" dia maneho an'i Jesosy. DH: "Nahita anao teo amin'ny alan'oliva niaraka tamin'ilay lehilahy voasambotr'izy ireo aho. Sa tsy ianao ve iny?"

**Avy eo Petera nandà indray**  
 Eto dia manambara izany fa Petera dia nandà hoe nahafantatra sy niaraka tamin'i Jesosy. DH: "Avy eo Petera nandà indray hoe nahafantatra an'i Jesosy na hoe niaraka taminy"

**ary avy hatrany dia naneno ny akoho**  
 Eto dia heverina fa hatadidy ireo mpamaky fa Jesosy dia nilaza tamin'i Petera hoe handà Azy mialohan'ny akoho maneno. DH: "ary avy hatrany dia naneno ny akoho, arak'izay nolazain'i Jesosy fa hitranga"

**John 18:28**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fizotry ny tantara dia miverina mankany amin'i Jesosy. Ireo miaramila sy ireo mpiampanga an'i Jesosy dia mitondra Azy ho any amin'i Kaiafa.

**Avy eo nentin'izy ireo avy tao amin'i Kaiafa ho any anaty rova Jesosy**  
 Eto dia manambara fa nentin'izy ireo tany amin'ny tranon'i Kaiafa Jesosy. DH: "Avy eo Jesosy nentin'izy ireo tao an-tranon'i Kaiafa"

**izy ireo dia tsy niditra tao anaty rova mba tsy ho voaloto**  
 Pilato dia tsy Jiosy, koa ra miditra ao an-dapany ireo mpitarika Jiosy, dia ho voaloto izy ireo. Izany dia ho nanakana azy ireo tsy hankalaza ny Paska. DH: "Izy ireo dia nijanona tany ivelan'ny lapan'i Pilato satria Pilato dia Jentilisa. Tsy te-ho voaloto izy ireo"

**Raha tsy mpanao ratsy io lehilahy io, dia tsy ho natolotray anao**  
 DH: "Io lehilahy io dia mpanao ratsy, ary tsy maintsy entinay eto aminao Izy mba ho saziana."

**natolotray anao**  
 Ity fehezanteny ity dia midika hoe hatolotra ho an'ny fahavalo.

### John 18:31

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ao amin'ny andininy faha-32 dia misy fihatoana amin'ny fizotry ny tantara fototra raha manome fampahafantarana fototra momban'ny fomba naminanian'i Jesosy ny fomba hafatesany ny mpanoratra.

**Hoy ireo Jiosy taminy hoe**  
 Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Ireo mpitarika Jiosy niteny taminy hoe"

**Tsy ara-dalàna ho anay ny manolotra olona ho faty**  
 Raha ny lalàna Romana, dia tsy afaka manolotra olona ho faty ireo Jiosy. DH: "Araky ny lalàna Romana, dia tsy afaka manolotra olona ho faty izahay"

**mba hahatanteraka ny tenin'i Jesosy**  
 DH: "mba hanatanterahana izay nolazain'i Jesosy teo aloha teo"

**mba hilazana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hahafatesany**  
 "momba ny hoe ahoana no hahafaty Azy"

### John 18:33

**Tsy Jiosy aho, sa tsy izany?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba afahan'i Pilato manamafy ny tsy misy hirarahiany ny raharaha an'ireo vahoaka Jiosy. DH: "Tsy Jiosy velively Aho, dia tsy mahaliana ahy izany olonareo izany!"

**Ny vahoakanao**  
 "Ireo namanareo Jiosy"

### John 18:36

**Ny fanjakako dia tsy avy eto amin'izao tontolo izao**  
 Ny "izao tontolo izao" dia milaza ireo olona izay manohitra an'i Jesosy. Mety ho dikany: 1) "ny fanjakako dia tsy isan'izao tontolo izao" 2) "tsy mila ny alalan'izao tontolo izao mba hanjakana eo amin'ny mpanjakan'izy ireo Aho" na "tsy avy amin'izao tontolo izao ny hananako fahefana ho mpanjaka"

**mba tsy hanolorana Ahy amin'ireo Jiosy**  
 DH: "mba hanakana ireo mpitarika Jiosy ny amin'ny fisamborana Ahy."

**ireo Jiosy**  
 Eto ny hoe "Ireo Jiosy" dia entina maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy.

**niaviko eto amin'izao tontolo izao**  
 Eto ny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ireo olona izay miaina eto ambonin'ny tany"

**hijoroko vavolombelona amin'ny fahamarinana**  
 Eto ny hoe "fahamarinana" dia maneho ny marina momban'Andriamanitra. DH: "teneno amin'ny olona ny marina momban'Andriamanitra"

**izay an'ny fahamariana**  
 Ity dia fomba fiteny izay maneho ny olona rehetra izay tia ny marina momban' Andriamanitra.

**ny feoko**  
 Eto ny hoe "feoko" dia maneho ireo teny izay nolazain'i Jesosy. DH: "Ireo zavatra lazaiko" na "izaho"

### John 18:38

**Inona no atao hoe marina?**  
 Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hampisehaona ny finoan'i Pilato fa tsy misy olona tena mahalala ny atao hoe marina. Ny eso-teny eto dia hoe Jesosy ilay marina. DH: "tsy misy olona afaka mahafantatra izay atao hoe marina!"

**Ireo Jiosy**  
 Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia entina maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy.

**Tsy io lehilahy io, fa Barabasy**  
 DH: "Tsia! Aza avoaka io lehilahy io! Aleo Barabasy no avotsotra!"

**Ary Barabasy dia mpangalatra.**  
 Eto Jaona dia mampahafantatra fohy ny momban'i Barabasy.



## Chapter 19

<sup>1</sup> Avy eo nentin'i Pilato Jesosy ka nokapohiny. <sup>2</sup> Nandrandrana satroka tsilo ireo miaramila. Napetrak'izy ireo teo amin'ny lohan'i Jesosy izany ary nampitafy lamba volomparasy Azy. <sup>3</sup> Nanantona Azy izy ireo ary niteny hoe: "Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!" ary nikapoka Azy izy ireo. <sup>4</sup> Avy eo nivoaka indray Pilato ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Indro, entiko aminareo eto ivelany Izy mba hahafantaranareo fa tsy mahita heloka Aminy aho." <sup>5</sup> Ka nivoaka Jesosy, nanao ilay fehiloa tsilo sy ilay lamba volomparasy. hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Indro, ity ilay lehilahy!" <sup>6</sup> Rehefa hitan'ny lohan'ny mpisorona sy ny manamboninahitra Jesosy, dia nihiaka mafy izy ireo ka niteny hoe: "Homboy izy, homboy izy!" Dia hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Alaivonareo Izy ary homboy, fa izaho tsy mahita heloka Aminy." <sup>7</sup> Namaly azy ireo Jiosy hoe: "Manana lalàna isika, ary araka ny lalàna dia tokony ho faty Izy satria mitonon-tena ho Zanak'Andriamanitra." <sup>8</sup> Rehefa ren'i Pilato izany fanambarana izany, dia nihanatahotra kokoa izy, <sup>9</sup> ary niditra tao amin'ny lapam-panjakana indray izy ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Avy aiza ny fihavianao?" Kanefa tsy nanome valin-teny azy Jesosy. <sup>10</sup> Avy eo Pilato niteny taminy hoe: "Tsy manana ambara amiko ve ianao? Tsy fantatrao ve fa manana fahefana hanafaka Anao aho, sy fahefana hanombo Anao?" <sup>11</sup> Namaly azy Jesosy hoe: "Tsy manana fahefana Amiko ianao raha tsy nomena anao avy any ambony izany. Noho izany, izy izay nanolotra Ahy taminao dia manana heloka bebe kokoa." <sup>12</sup> Tamin'izany valin-teny izany, dia niezaka ny hanafaka Azy Pilato, fa nihiaka mafy ireo Jiosy, nanao hoe: "Raha afahanao io lehilahy io, dia tsy naman'i Kaisara ianao. Izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manohitra an'i Kaisara." <sup>13</sup> Rehefa ren'i Pilato ireo teny ireo, dia nentiny nivoaka Jesosy ary nipetraka teo amin'ny seza fitsarana izay antsoina hoe "lampivato", fa amin'ny teny Hebreo hoe "Gabata." <sup>14</sup> Ary tonga ny andro fanomanana ny Paska, teo amin'ny ora faha enina teo. Hoy Pilato tamin'ireo Jiosy hoe: "Indro, ity ny mpanjakanareo!" <sup>15</sup> Nihiaka mafy izy ireo hoe: "Avelao Izy, avelao Izy; homboy Izy!" Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Tokony hanombo ny mpanjakanareo ve aho?" Namaly ireo lohan'ny mpisorona hoe: "Tsy manana mpanjaka akotran'i Kaisara izahay." <sup>16</sup> Avy eo dia natolotr'i Pilato azy ireo ho homboina Jesosy. <sup>17</sup> Avy eo nalain'izy ireo Jesosy, ary nandeha nivoaka izy, nilanja ny hazofijaliana, ho any amin'ilay toerana antsoina hoe "toeran'ny karandoha," izay amin'ny Hebreo antsoina hoe "Golgota." <sup>18</sup> Nombohan'ireo tany Jesosy, ary nisy lehilahy roa hafa niaraka taminy, iray isaky ny ilany, ary Jesosy teo afovoany. <sup>19</sup> Nanoratra famantarana ihany koa Pilato ary nametraka izany teo amin'ny hazofijaliana. Iza no voasoratra teo: JESOSY AVY ANY NAZARETA, ILAY MPANJAKAN'NY JIOSY. <sup>20</sup> Maro tamin'ireo Jiosy no namaky izany famantarana izany satria tsy lavitra ny tanàna no misy ny toerana nanomboana an'i Jesosy. Ilay famantarana dia nosoratana tamin'ny Hebreo, Latina, ary Grika. <sup>21</sup> Avy eo hoy ireo lohan'ny mpisoron'ny Jiosy tamin'i Pilato hoe: "Aza soratana hoe: 'Ilay Mpanjaka'ny Jiosy,' fa aleo hoe: 'Ity iray ity dia niteny hoe: 'Izaho no mpanjakan'ny Jiosy.'" <sup>22</sup> Ary namaly Pilato hoe: "Izay voasoratro dia voasoratro." <sup>23</sup> Rehefa nombohan'ireo miaramila Jesosy, dia nalain'izy ireo ny lambany, ka nozarain'izy ireo efatra, dia samy manana iray avy ireo; ary ilay akanjo ihany koa. Ary tsy misy vitrana ilay akanjo, fa tenona iray ihany. <sup>24</sup> Avy eo nifampiresaka izy ireo hoe: "Aleo tsy rovitintsika ity, fa kosa andeha hilokana ahitana izay mahazo azy." Nitranga izany mba hahatanteraka ny Soratra Masina izay milaza hoe: "Nifampizaran'izy ireo ny lambako ary nolokainy ny fitafiako." Izany no nataon'ireo miaramila. <sup>25</sup> Ary nijoro teo akain'ny hazofijalian'ny Jesosy ny reniny, ny rahavavin-dreniny, Maria vadin'i Klopa, ary Maria Magdalena. <sup>26</sup> Rehefa nahita ny reniny sy ireo mpianatra izay tiany nijoro teo akaiky teo Jesosy, dia niteny tamin'ny reniny Izy hoe: "Ravehivavy, indro, ny zanakao lahy!" <sup>27</sup> Avy eo hoy Izy tamin'ny mpianatra hoe: "Indro, ny reninareo!" Ary tamin'izany ora izany dia nalain'ny mpianatra ho any aminy izy. <sup>28</sup> Taorian'izany, rehefa nahafantatra fa vita ny zavatra rehetra ka mba ho tanteraka ny Soratra Masina, dia hoy Jesosy hoe: "Mangetaheta Aho." <sup>29</sup> Ary nisy tavoara feno divay marikivy nipetraka teo amin'io toerana io, ka nasian'izy ireo divay marikivy ny sipaonjy ka notohizany tamin'ny hysopa ary napetapetany tamin'ny vavany. <sup>30</sup> Rehefa nisotro ilay vinaingitra Jesosy, dia hoy Izy hoe: "Efa vita." Nahondriny ny lohany ary niala ny fanahiny. <sup>31</sup> Satria andron'ny fihomanana tamin'izany, ka mba tsy hijanona eo amin'ny hazofijaliana mandritry ny Sabata (satria ny Sabata dia andro manan-danja manokana) ireo vata-mangatsiaka, dia nangataka tamin'i Pilato ireo Jiosy avy eo, ny mba hanapahana ny tongotr'izy ireo ary hanalana azy ireo. <sup>32</sup> Avy eo nanatona ireo miaramila ka nanapaka ny tongotr'ilay lehilahy voalohany sy ilay lehilahy faharoa izay voahombo niaraka tamin'i Jesosy. <sup>33</sup> Rehefa nanatona an'i Jesosy izy ireo, dia nahita fa efa maty Izy, ka tsy notapahin'izy ireo ny tongony. <sup>34</sup> Kanefa, nisy miaramila iray nanindrona ny lanivoany tamin'ny lefona, ary avy hatrany dia nisy rà sy rano niraraka. <sup>35</sup> Ilay iray izay nahita izany dia nijoro vavombelona, ary marina ny fanambarany. Fantany fa marina izay nolazainy mba hinoanareo ihany koa. <sup>36</sup> Fa ireo zavatra ireo no nitranga mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe: "Tsy hisy ho tapaka na dia iray amin'ny taolany aza." <sup>37</sup> Ary mbola, misy Soratra Masina hafa milaza hoe: "Izy ireo dia hijery Azy

izay nolefonin'izy ireo." <sup>38</sup> Taorian'ireo zavatra ireo, Josefa avy ao Arimatia, hatramin'ny naha-mpianatr'i Jesosy azy (fa tao amin'ny mangingina nohon'ny fatahorana ireo Jiosy), nanontany an'i Pilato raha afaka maka ny vatan'i Jesosy izy. Nomen'i Pilato alalana izy. Ka tonga Josefa ary naka ny vatany. <sup>39</sup> Tonga tany ihany koa Nikodemosy, izy izay tonga voalohany hijery an'i Jesosy ny alin'iny. Ary nitondra menaka manitra sy vahona izy, teo amin'ny zato litatra teo ny fatrany. <sup>40</sup> Ka noraisin'izy ireo ny vatan'i Jesosy ary namono izany tamin'ny lambam-paty sy zava-manitra, araka ny fomba fandevenana Jiosy. <sup>41</sup> Ary teo amin'ny toerana nanomboana Azy dia nisy saha; ary teo amin'ilay saha nisy fasana vaovao izay mbola tsy nandevenan'olona. <sup>42</sup> Satria andron'ny fiomanan'ireo Jiosy tamin'izany ary satria akaiky ny fasana, dia nalevin'izy ireo tao Jesosy.

## John 19:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mbola mitohy ny fizarana amin'ny tantara tao amin'ny toko teo aloha. Jesosy dia mijoro eo anoloan'i Pilato raha noampangain'ireo Jiosy Izy.

### Avy eo nentin'i Pilato Jesosy ka nokapohiny

Tsy Pilao mivantana no nikapoka an'i Jesosy. Eto ny hoe "Pilato" dia entina maneho ireo miaramila izay nobaikon'i Pilato hikapoka an'i Jesosy. DH: "Avy eo Pilato nibaiko ireo miaramilany mba hikapoka an'i Jesosy"

### Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!

Ny "Arahaba" miaraka amin'ny tanana mitsangana dia nampiasaina hiarahabana an'i kaisara fotsiny. Raha nampiasa ny fehiloaha tsilo sy ilay akanjo volomparasy mba haniratsirana an'i Jesosy ireo miaramila, dia toa mampiomehy izany fa tsy fatatr'izy ireo fa Izy dia tena mpanjaka tokoa.

## John 19:4

### tsy mahita heloka Aminy aho

Pilato dia miteny ity indroa mba hilazana fa tsy mino izy hoe meloka amin'inona na inona Jesosy. Tsy te-hanasazy Azy izy. DH: "Tsy itako ny antony hanasaziako Azy"

### fehiloaha tsilo sy ilay lamba volomparasy

Ny fehiloaha sy ny lamba volomparasy dia zavatra izay ny mpanjaka ihany no mitafy azy. Nampiakanton'ireo miaramila tahaka izany Jesosy mba haniratsirana Azy. Jereo ny 19:1.

## John 19:7

### Namaly azy ireo Jiosy hoe

Ny teny hoe "ireo Jiosy" dia manambara ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Ireo mpitarika Jiosy dia namaly an'i Pilato"

### tokony ho faty Izy satria mitonon-tena ho Zanak'Andriamanitra

Jesosy dia voaheloka ho faty teo amin'ny hazofijaliana satria milaza ny ho "Zanak'Andriamanitra"

### Zanak'Andriamanitra

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

## John 19:10

### Tsy manana ambara amiko ve ianao?

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanehona ny fahatairan'i Pilato nahita an'i Jesosy tsy niaro tena. DH: "Tsy mampino Ahy hoe tsy mety miresaka amiko ianao" na "Valio Aho!"

### Tsy fantatrao ve fa manana fahefana hanafaka Anao aho, sy fahefana hanombo Anao?

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hanamafisana ny hevitra. DH: "Ianao dia tokony mahafantatra fa izaho dia afaka manafaka Anao na mandidy an'ireo miaramilako hanombo Anao eo amin'ny hazofijaliana!"

### fahefana

Eto ny hoe "fahefana" dia entina maneho ny fahaizana manao na mampitranga zavatra.

### Tsy manana fahefana Amiko ianao raha tsy nomena anao avy any ambony izany

DH: "Ianao dia afaka manohitra Ahy satria Andriamanitra no namela anao afaka manao izany"

### avy any ambony

Ity dia fomba anehoana an'Andriamanitra ampanajana.

### nanolotra Ahy

Ity dia midika hoe nanolotra tamin'ny fahavalo.

## John 19:12

### Tamin'izany valin-teny izany

Eto ny hoe "valin-teny" dia maneho ny valin-tenin'i Jesosy. DH: "Pilato rehefa nahare ny valin-tenin'i Jesosy"

### niezaka ny hanafaka Azy Pilato

Ny hoe "niezaka" amin'ny Soratra taloha dia milaza fa Pilato dia niezaka "mafy" na "namerimberina" ny hanafaka an'i Jesosy DH: "Izy dia niezaka mafy ny hanafaka an'i Jesosy" na "Izy dia niezaka foana foana ny hanafaka an'i Jesosy"

**fa nihiaka mafy ireo Jiosy**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" diaentina hanehoana ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "fa ireo mpitarika Jiosy dia tsy nijanona nihiaka mafy"

**tsy naman'i Kaisara ianao**

"Ianao dia manohitra an'i Kaisara" na "Ianao dia manohitra ny Amperora"

**manao ny tenany ho mpanjaka**

"milaza ny tenany fa Izy no mpanjaka"

**nentina nivoaka Jesosy**

Pilato eto no lazaina fa namoaka an'i Jesosy tamin'ny alalan'ireo miaramila izay nobaikony. DH: "Izy dia nandidy ireo miaramila mba hitondra an'i Jesosy hivoaka."

**nipetraka**

Ny olona manan-danja tahaka an'i Pilato dia mipetraka rehefa hanao adidy lehibe izy ireo, raha mitsangana ny olona izay tsy manan-danja.

**teo amin'ny seza fitsarana**

Ity dia seza voatokana ho an'ny olona manan-danja tahaka an'i Pilato rehefa hanao fitsarana lehibe izy ireo.

**izay antsoina hoe "lampivato"**

Ity dia toerana misy vato miavaka izay ny olona manan-kaja ihany no afaka mandeha eo. DH: "eo amin'ny toerana antsoin'ny olona hoe lampivato"

**Hebreo**

Ity dia maneho ny fitenin'ny vahoakan'Israely.

**John 19:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Efa ora maro no dila ary tonga amin'ny ora faha-enina, ka nanome baiko an'ireo miaramila Pilato ny mba hanomboana an'i Jesosy.

**Ary**

Ity teny ity dia manamarika fihatoana eo amin'ny fizotry ny tantara mba hafahan'i Jaona manome fampahafantarana fototra momban'ny amin'ny Paska izay ho avy sy amin'ny fotoan'andro.

**ora faha-enina**

"manodidina ny mitatao vovonana"

**Hoy Pilato tamin'ireo Jiosy**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" diaentina maneho ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "Pilato dia nilaza tamin'ireo mpitarika Jiosy"

**Tokony hanombo ny mpanjakanareo ve aho?**

Eto ny hoe "aho" dia maneho ireo miaramilan'i Pilato izay hanao mivantana ny fanomboana. DH: "Tena tianareo ho teneniko ve ny miramilako hoe fantsio amin'ny hazofijaliana ny mpanjakanareo?"

**Avy eo dia natolotr'i Pilato azy ireo ho homboina Jesosy.**

Eto pilato dia manome baiko an'ireo miaramilany mba hanombo an'i Jesosy. DH: "Ka nanome baiko an'ireo miaramilany Pilato mba hanombo an'i Jesosy"

**John 19:17****amin'ilay toerana antsoina hoe "toeran'ny karandoha,"**

DH: "eny amin'ny toerana izay antsoin'ny olona hoe "toeran'ny karandoha"

**izay amin'ny Hebreo antsoina hoe "'Golgota."**

Ny Hebreo dia fitenin'ireo vahoakan'Israely. DH: "izay antsoin'izy ireo amin'ny Hebreo hoe: 'Golgota.'"

**nisy lehilahy roa hafa niaraka taminy**

DH: "Izy ireo dia namantsika jiolahy roa hafa teo amin'ny hazofijaliana"

**John 19:19****Nanoratra famantarana ihany koa Pilato ary nametraka izany teo amin'ny hazofijaliana**

Eto ny hoe "Pilato" diaentina hanehoana ilay olona izay nanoratra ny famantarana. Eto ny heo "teo amin'ny hazofijaliana" dia maneho ny hazofijalian'i Jesosy. DH: "Pilato ihany koa dia nandidy olona mba hanoratra famantarana ka hametaka izany eo amin'ny hazofijalian'i Jesosy"

**Izao no voasoratra teo: JESOSY AVY ANY NAZARETA, ILAY MPANJAKAN'NY JIOSY**

DH: "ka izao ny teny nosoratan'izany olona izany: Jesosy avy any Nazareta, Mpanjakan'ny Jiosy"

**ny toerana nanomboana an'i Jesosy.**

DH: "ilay toerana izay nanomboan'ireo miaramila an'i Jesosy"

**Ilay famantarana dia nosoratana tamin'ny Hebreo, Latina, ary Grika.**

DH: "Ilay olona izay nikarakara ny famantarana dia nanoratra ilay teny tamin'ny fomba fiteny telo: Hebreo, Latina, ary Grika"

**Latina**

Ity dia fitenin'ny fanjakana Romana.

**John 19:21****Avy eo hoy ireo lohan'ny mpisoron'ny Jiosy tamin'i Pilato hoe**

Ireo lohan'ny mpisorona dia niverina tany amin'i lapan'i Pilato ka nanohitra azy tamin'ilay soratra eo amin'ny famantarana. DH: "niverina tany amin'i Pilato ireo lohan'ny mpisorona ary niteny hoe"

**Izay voasoratro dia voasoratro.**

Pilato dia milaza fa tsy hanova ilay soratra eo amin'ilay famantarana izy. DH: "Izaho dia nanoratra izay tiako soratana, ka tsy hanova izany aho!"

**John 19:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ny faran'ny andininy faha-24 dia misy fihatoana eo amin'ny fizotry ny tantara fototra raha milaza amintsika ny fomba hanatanterahan'izany zavatra niseho izany ny Soratra Masina Jaona.

**ilay akanjo ihany koa**

"ary izy ireo dia naka ny akanjony ihany koa." Ireo miaramila dia nitazona ilay akanjo ary tsy nizara izany." DH: "ary izy ireo dia nitazona ny akanjony nitokana"

**andeha hilokana ahitana izay mahazo azy**

Ary dia nilokan'ireo miaramila ny akanjony ka izay maharesy dia mahazo ilay akanjo. DH: "Andeha hilokantsika ity akanjo ity dia izay maharesy dia hahazo izany."

**mba hahatanteraka ny Soratra Masina izay milaza hoe**

DH: "Ity dia nahatanteraka ny Soratra Masina manao hoe" na "ity dia nitranga mba hanamarina ny Soratra Masina izay milaza hoe"

**nilokainy**

Ity dia fomba nizaran'izy ireo ny akanjon'i Jesosy. DH: "Niloka izy ireo"

**John 19:25****ireo mpianatra izay tiany**

Jaona izany, ilay nanoratra ity filazantsara ity

**Ravehivavy, indro, ny zanakao lahy**

Eto ny teny hoe "zanakao lahy" dia sari-teny. Tian'i Jesosy ny mpianany, Jaona, raha ataon'ny reniny tahaka ny zanaka. DH: "Ravehivavy, ity ilay lehilahy izay hanao tahaka ny hoe zanaka aminao"

**indro, ny reninareo**

Eto ny teny hoe "reny" dia sari-teny. Tian'i Jesosy ny reniny raha manao tahaka ny reny amin'ny mpianany, Jaona. DH: "Hevero ho tahaka ny reninao io vehivavy io"

**Ary tamin'izany ora izany**

"tamin'io fotoana io mihintsy"

**John 19:28****rehefa nahafantatra fa vita ny zavatra rehetra**

DH: "Fantany fa vitany avokoa ireo zavatra rehetra izay nampanirahin'Andriamanitra hataony.

**Ary nisy tavoara feno divay marikivy nipetraka teo**

DH: "nisy olona nametraka tavoara feno divay marikivy teo"

**divay marikivy**

"divay mangidy"

**nasian'izy ireo**

Eto ny hoe "izy ireo" dia maneho ireo mpiambina romana.

**ny sipaonjy**

Zavatra kely izay mitroka rano ary mitazona izany ao.

**tamin'ny hysaopa**

"ratsan-kazo izay antsoina hoe hysopa

**Nahondriny ny lohany ary niala ny fanahiny**

Jaona dia milaza fa Jesosy namerina ny fanahiny tany amin'Andriamanitra. DH: "Nahondriny ny lohany ary nanome ny fanahiny an'Andriamanitra" na "Nahondriny ny lohany ka maty Izy"

**John 19:31****Ireo Jiosy**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" diaentina hilazana ireo mpitarika Jiosy. DH: "ireo mpitarika Jiosy"

**andron'ny fihomanana**

Ity dia fotoana mialohan'ny Paska rehefa mikarakara ny sakafo ho an'ny Paska ny olona.

**hanapahana ny tongotr'izy ireo ary hanalana azy ireo**

DH: "hanapahana ny tongotr'ilay olona nomboana ary ampidininana ny vatan'izy ireo hiala amin'ny hazofijaliana"

**izay voahombo niaraka tamin'i Jesosy**

DH: "izay nomboana teo akaikin'i Jesosy"

**John 19:34****Ilay iray izay nahita izany**

Ity fehezanteny ity dia manome fampahafantarana fototra ny amin'ny tantara. Jaona dia miteny amin'ireo mpamaky fa izy dia teo ka afaka mahatoky izay nosoratany isika.

**nijoro vavombelona, ary marina ny fanambarany**

Ny hoe "mijoro vavombelona" dia midika hoe milaza zavatra izay hitan'ny olona iray. DH: "niteny ny marina momban'ny zavatra hitany"

**mba hinoanareo ihany koa.**

Eto ny hoe "hinoanareo" dia midika hoe mametraka ny fahatokisan'ny olona iray ao amin'i Jesosy. DH: "ka mba hafahanareo mametraka ny fahatokisanareo ao amin'i Jesosy"

**John 19:36****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto amin'ireto andininy ireto dia misy fihatoana ao amin'ny fizotry ny tantara fototra raha miteny amintsika Jaona ny amin'ny fomba nanatanterahan'ireo tranga ireo ny Soratra Masina ho marina.



**mba hahatanteraka ny Soratra Masina**

DH: "mba hahatanteraka ireo teny izay nosoratan'olona tao amin'ny Soratra Masina"

**Tsy hisy ho tapaka na dia iray amin'ny taolany aza**

Ity dia teny nindramina tao amin'ny Salamo 34. DH: "tsy hisy olona hanapaka ny taolany"

**Izy ireo dia hijery Azy izay nolefonin'izy ireo**

Ity dia teny nindramina avy tao amin'i Zakaria 12.

**John 19:38****Josefa avy ao Arimatia**

Arimatia dia tanàna kely. DH: "Josefa dia avy any amin'ny tanàn'i Arimatia.

**nohon'ny fatahorana ireo Jiosy**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia milaza ireo mpitarika Jiosy izay manohitra an'i Jesosy. DH: "nohon'ny fatahorana ireo mpitarika Jiosy"

**raha afaka maka ny vatan'i Jesosy izy**

Jaona dia milaza fa Josefa avy ao Arimatia dia te-handevona ny vatan'i Jesosy. DH: "fangatahana alalana ny haka ny vatan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana ka mba handevona Azy"

**Nikodemusy**

Nikodemusy dia iray tamin'ireo Fariseo izay nino an'i Jesosy. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 3:1.

**menaka manitra sy vahona**

Ireo dia zava-manitra nampiasain'ny olona hikarakarana ny maty ho amin'ny fandevenana.

**Litatra**

Ny iray litatra dia mitovy amin'ny 31 grama. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 12:1.

**John 19:40****Ary teo amin'ny toerana nanomboana Azy dia nisy saha; ary teo amin'ilay saha nisy fasana vaovao izay mbola tsy nandevenan'olona**

Eto Jaona dia mametraka fihatoana eo amin'ny fizotry ny tantara fototra mba hanomezana fanazavana momban'ny toerana misy ilay fasana izay tokony handevenana an'i Jesosy.

**Ary teo amin'ny toerana nanomboana Azy dia nisy saha**

DH: "Ary teo amin'ilay toerana nanomboana an'i Jesosy nisy saha."

**izay mbola tsy nandevenan'olona**

DH: "izay tsy mbola nandevenan'olona na iza na iza mihintsy"

**Satria andron'ny fiomanan'ireo Jiosy tamin'izany**

Raha ny lalàn'i Jiosy, dia tsy misy olona afaka miasa aorian'ny filentehan'ny masoandro rehefa zoma. Izany ny fiandohan'ny Sabata sy Paska. DH: "Ny Paska dia efa hanomboka tamin'izany hariva izany"

## Chapter 20

<sup>1</sup> Ary vao marainan'ny andro voalohan'ny erinandro, raha mbola maizina iny, dia nankeny amin'ny fasana Maria Magdalenina ary nahita ilay vato efa nikisaka lavitra ilay fasana izy. <sup>2</sup> Noho izany dia nihazakazaka izy ary nanatona an'i Simona Petera sy ilay mpianatra hafa izay tian'i Jesosy, ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Nalain'izy ireo tao amin'ny fasana ny Tompo, ary tsy fatatray izay nametrahan'izy ireo Azy." <sup>3</sup> Avy eo nandeha nivoaka Petera sy ilay mpianatra hafa, ary nankany amin'ny fasana izy ireo. <sup>4</sup> Samy niazakazaka izy ireo, ary nosongonan'ilay mpianatra hafa haingana Petera ary dia izy no tonga voalohany teny amin'ny fasana. <sup>5</sup> Avy eo niondrika izy, ary natazana ilay lambam-paty nipetraka teo, fa tsy mbola nitsofoka tao anatin'izy. <sup>6</sup> Tonga taorian'ny avy eo Simona Petera ary niditra tao am-pasana. Tazany nipetraka teo ilay lambam-paty <sup>7</sup> sy ilay lamba natao teny amin'ny lohany. Tsy niara-nipetraka tamin'ilay lambam-paty anefa ilay izy fa nivalona ho azy teo amin'ny toerany. <sup>8</sup> Avy eo ilay mpianatra iray hafa, ilay tonga voalohany teo amin'ny fasana, niditra tao anatin'ny koa, ary nahita sy nino izy. <sup>9</sup> Fa hatramin'io fotoana io izy ireo dia tsy mbola nahafantatra ny Soratra Masina ihany fa Izy dia tsy maintsy hitsangana amin'ny maty. <sup>10</sup> Ka dia niverina tany an-trano indray ireo mpianantra. <sup>11</sup> Fa Maria dia nijoro nitomany teo ivelan'ny fasana. Raha izy nitomany iny, dia niondrika tao amin'ilay fasana. <sup>12</sup> Nahita anjely roa mitafy lamba fotsy nipetraka izy, ny iray teo an-doha, ary ny iray teo an-tongotra teo amin'ilay toerana nametrahana ny vatan'i Jesosy. <sup>13</sup> Hoy izy ireo taminy hoe: "Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany?" Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Satria nentin'izy ireo ny Tompoko, ary tsy fantatro izay nametrahan'izy ireo Azy." <sup>14</sup> Rehefa avy niteny izany izy, dia nitodika ary naita an'i Jesosy nijoro teo, fa tsy fantany anefa hoe Jesosy io. <sup>15</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Ravehivavy, Nahoana ianao no mitomany? Fa iza no jerena?" Noheveriny fa ilay mpiambina anefa Izy, ka hoy izy taminy hoe: "Tompoko, raha ianao no naka Azy, dia lazao amiko ny nametrahan'io Azy, fa ho alaiko any Izy." <sup>16</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Maria." Nitodika izy, ary niteny taminy tamin'ny teny Hebreo hoe: "Rabônny" (izay midika hoe: "Mpampianatra.") <sup>17</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Aza mikasika Ahy, fa tsy mbola niakatra any amin'ny Ray Aho, fa mandehana any amin'ireo rahalahiko ary teneno azy ireo fa hiakatra any amin'ny Raiko sy Rainareo Aho, ary ny Andriamanitra sy Andriamanitrareo." <sup>18</sup> Nandeha Maria Magdalenina ary niteny ireo mpianatra hoe: "Nahita ny Tompo aho," ary ireo zavatra ireo no nolazainy taminy. <sup>19</sup> Ary hariva tamin'izay, tamin'io andro io, andro voalohan'ny herinandro, ary ireo varavarana izay nisy ireo mpianatra, dia nidy nohon'ny fatahorana ireo Jiosy, nanatona Jesosy ary nijoro teo afovoan'izy ireo ka niteny azy ireo hoe: "Fiadanana ho anareo." <sup>20</sup> Rehefa avy niteny izany Izy, dia nasehony azy ireo ny tanany sy ny lanivoany. Faly ireo mpianatra rehefa nahita ny Tompo. <sup>21</sup> Avy eo Jesosy niteny azy ireo hoe: "Fiadanana ho anareo. Toy ny nanirahin'ny Ray Ahy, no hanirahako anareo koa." <sup>22</sup> Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nitsoka ny fofon'ainy tamin'izy ireo ary niteny azy ireo hoe: "Raiso ny Fanahy Masina. <sup>23</sup> Na helok'iza na helok'iza avelanareo, dia ho voavela izy ireo; ary na an'iza na an'iza tsy avelanareo, dia tsy voavela izy ireo." <sup>24</sup> Tomasy, iray tamin'ireo roa ambin'ny folo, nantsoina hoe Didymo, dia tsy niaraka tamin'izy ireo rehefa tonga Jesosy. <sup>25</sup> Ireo mpianatra hafa avy eo niteny taminy hoe: "Hitanay ny Tompo." Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Raha tsy hitako eny amin'ny tanany ny loakin'ireo fantsika, ary mametraka ny ratsan-tanako ao anatin'ilay loakin'ireo fantsika aho, ary mametraka ny tanako eo amin'ny lanivoany, dia tsy hino aho." <sup>26</sup> Valo andro taty aoriana dia tao indray ireo mpianany, ary niaraka tamin'izy ireo Tomasy. Nanatona Jesosy raha nihidy ny varavarana, ary nijoro niaraka teo amin'izy ireo, ary niteny hoe: "Fiadanana ho anareo." <sup>27</sup> Avy eo niteny an'i Tomasy izy hoe: "Manatona ety miaraka amin'ny tananao ary apetrako eto amin'ny lanivoako izany. Aza kely finoana, fa minoa." <sup>28</sup> Tomasy namaly ary niteny Azy hoe: "Tompoko sy Andriamanitra." <sup>29</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Satria nahita Ahy ianao, dia nino. Sambatra ireo izay tsy nahita, nefa mino." <sup>30</sup> Ankehitriny Jesosy dia nanao famantarana maro hafa teo anatrehan'ireo mpianany, famantarana izay tsy voasoratra tao anatin'ity boky ity, <sup>31</sup> fa ireo dia voasoratra mba hafahanareo mino fa Jesosy no Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, ary rehefa mino Azy ianareo, dia hahazo ny fiainana amin'ny anarany.

### John 20:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity ny andro faha-3 taorian'ny nandevenana an'i Jesosy.

ny andro voalohan'ny erinandro  
Alahady

nahita ilay vato efa nikisaka lavitra ilay fasana izy  
DH: "hitany fa nisy nanisaka ilay vato"

**ilay mpianatra hafa izay tian'i Jesosy**

Ity fehezanteny ity dia miseho amin'ny fomba anehoan'i Jaona ny tenany ihany mandritry ny bokiny. Eto ny teny hoe "tia" dia maneho ilay fitiavana ara-pirahalalana na fitiava-namana na fianakaviana.

**Nalain'izy ireo tao amin'ny fasana ny Tompo**

Maria Magdalenina mihevitra fa nisy olona nangalatra ny vatan'ny Tompo. DH: "Nisy olona naka tao am-pasana ny vatan'ny Tompo"

**John 20:3****ilay mpianatra hafa**

Eto Jaona dia mampiseho ny fanetren-teny amin'ny fanehoana ny tenany hoe "ilay mpianatra hafa," raha tokony hampiditra ny anarany tao.

**nandeha nivoaka**

Jaona dia milaza fa ireo mpianatra ireo dia nandeha nankany amin'ny fasana. DH: "maika ho any am-pasana"

**lambam-paty**

Lamba fandevenana izay nampiasain'ny olona hamonosana ny fatin'i Jesosy.

**John 20:6****lambam-paty**

Lamba fandevenana izay nampiasain'ny olona hamonosana ny fatin'i Jesosy. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 20:3.

**ilay lamba natao teny amin'ny lohany**

Eto ny hoe "lohany" dia maneho ny "lohan'i Jesosy." DH: "ilay lamba izay nampiasain'ny olona hamonosana ny tarehin'i Jesosy"

**nivalona ho azy teo amin'ny toerany**

DH: "nisy namalona sy nametraka izany, niala ilay lambam-paty"

**John 20:8****ilay mpianatra iray hafa**

Jaona dia mampiseho ny fanetren-teny amin'ny fanehoana ny tenany hoe "ilay mpianatra hafa," raha tokony nampiditra ny anarany tao amin'ity boky ity.

**ary nahita sy nino izy**

Rehefa nahita izy fa tsy nisy inona na inona ny fasana, dia nino izy fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy. DH: "nahita ireo zavatra ireo izy ary nanomboka nino fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy"

**izy ireo dia tsy mbola nahafantatra ny Soratra Masina ihany**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo mpianatra izay tsy nahatakatra izay nolazain'ny

Soratra Masina fa Jesosy dia hitsangana amin'ny maty. DH: "Ireo mpianatra dia mbola tsy nahatakatra ny Soratra Masina"

**fa Izy dia tsy maintsy hitsangana amin'ny maty**

"fa Jesosy dia tsy maintsy hitsangana amin'ny maty"

**niverina tany an-trano**

Ireo mpianatra dia mbola nijanona tao Jerosalema. DH: "niverina tany amin'ilay nipetrahan'izy ireo tao Jerosalema"

**John 20:11****Nahita anjely roa mitafy lamba fotsy nipetraka izy**

Nitafy akanjo fotsy ireo anjely. DH: "nahita anjely roa nitafy akanjo fotsy izy"

**Hoy izy ireo taminy hoe**

"Nanontany azy izy ireo"

**Satria nentin'izy ireo ny Tompoko**

"Satria nentin'izy ireo ny vatan'ny Tompoko"

**tsy fantatro izay nametrahan'izy ireo Azy**

"tsy fantatro izay nametrahan'izy ireo izany"

**John 20:14****Hoy Jesosy taminy hoe**

"Jesosy nanontany azy"

**Tompoko, raha ianao no naka Azy**

Ny teny hoe "Azy" eto dia milaza an'i Jesosy. DH: "raha naka ny vatan'i Jesosy ianao"

**dia lazao amiko ny nametrahan'izy ireo Azy**

"lazao ahy ny nametrahan'izy ireo izany"

**fa ho alaiko any Izy**

Maria Magdalenina dia te-haka ny vatan'i Jesosy ka handevina izany indray. DH: "fa ho alaiko any ny faty ka haleviko indray"

**John 20:16****Rabôny**

Ny "Rabôny" dia midika hoe Raby na mpampianatra amin'ny teny Aramika, ilay fitenen'i Jesosy sy ireo mpianany.

**ireo rahalahiko**

Ity dia nampiasan'i Jesosy mba hilazana ireo mpianany.

**fa hiakatra any amin'ny Raiko sy Rainareo Aho, ary ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo**

Jesosy dia nitsangana tamin'ny maty ary naminany fa hiakatra ho any an-danitra, hiverina ho eo amin'ny Rainy, izay Andriamanitra. DH: "Izaho dia hiverina any an-danitra hiaraka amin'ny Raiko sy ny Rainareo, any amin'ilay Iray izay Andriamanitro sady Andriamanitrareo"

**ny Raiko sy Rainareo**

Ireo dia fantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra, ary eo amin'ireo mpino sy Andriamanitra.

**Maria Magdalenina ary niteny ireo mpianatra hoe**

Nandeha nankany amin'izay nisy an'ireo mpianatra Maria Magdalena ary niteny azy ireo izay hitany sy reny. DH: "Mary Magdalenina dia nankany amin'ny nisy ireo mpianatra ary nitantara azy ireo."

**John 20:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ary dia hariva ny andro ka niseho tamin'ireo mpianatra Jesosy.

**tamin'io andro io, andro voalohan'ny herinandro**

Ity dia maneho ny andro alahady.

**ireo varavarana izay nisy ireo mpianatra, dia nidy nohon'ny fatahorana ireo Jiosy**

DH: "Nanakaton'ireo mpianatra ny varavarana tao amin'izay nipetrahan'izy ireo"

**nohon'ny fatahorana ireo Jiosy**

Eto ny hoe "ireo Jiosy" dia maneho ireo mpitarika Jiosy izay mety hisambotra ireo mpianatra. DH: "satria izy ireo natahotra fa ireo mpitarika Jiosy dia mety hisambotra azy ireo"

**Fiadanana ho anareo**

Ity dia fomba fiarahabana mahazatra izay midika hoe "Andriamanitra anie hanome fiadanana ho anareo"

**nasehony azy ireo ny tanany sy ny lanivoany**

Jesosy nampiseho ny ratrany tamin'ireo mpianany. DH: "Nasehony azy ireo ny olatra tamin'ny tanany sy ny lanivoany"

**John 20:21****Fiadanana ho anareo**

Ity dia fomba fiarahabana mahazatra izay midika hoe "Andriamanitra anie hanome fiadanana ho anareo"

**Toy ny nanirahin'ny Ray Ahy, no hanirahako anareo koa." Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nitsoka ny fofon'ainy tamin'izy ireo ary niteny azy ireo hoe: "Raiso ny Fanahy Masina**

Andriamanitra Ray nandefa an'Andriamanitra Zanaka izay mandefa ireo mpino ao amin'ny herin'Andriamanitra Fanahy Masina izao.

**Ray**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra.

**ho voavela izy ireo**

DH: "Andriamanitra hamela heloka azy ireo"

**ary na an'iza na an'iza tsy avelanareo**

"raha tsy mamela ny heloky ny hafa ianareo"

**dia tsy voavela izy ireo**

DH: "tsy hamela heloka azy ireo Andriamanitra"

**John 20:24****Didymo**

Ity dia anaran-dehilahy izay midika hoe "kambana." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 11:15.

**mpianatra hafa avy eo niteny taminy hoe**

Ny hoe "taminy" dia maneho an'i Tomasy.

**Raha tsy hitako ... ny lanivoany, dia tsy hino aho.**

DH: "Rehefa hitako ... ny lanivoany"

**eny amin'ny tanany ... eo amin'ny lanivoany**

Ny tanana sy ny lanivoan'i Jesosy izany.

**John 20:26****ireo mpianany**

Ny mpianatr'i Jesosy.

**raha nihidy ny varavarana**

DH: "rehefa nakaton'izy ireo ny varavarana"

**Fiadanana ho anareo**

Ity dia fomba fiarahabana mahazatra izay midika hoe "Andriamanitra anie hanome fiadanana ho anareo"

**Aza kely finoana**

"tsy misy finoana"

**fa minoa**

Eto ny hoe "mino" dia midika hoe mahatoky an'i Jesosy. DH: "apetraho ato amiko ny fahatokisanao"

**John 20:28****dia nino**

Tomasy dia nino fa velona Jesosy satria nahita Azy izy. DH: "Ianao dia nino fa velona Aho"

**Sambatra ireo izay tsy nahita, nefa mino**

Ity dia midika hoe "Andriamanitra dia manome hafaliana lehibe ho an'ireo izay tsy nahita nefa nino"

**tsy nahita**

Ity dia midika hoe ireo izay tsy nahita an'i Jesosy. DH: "izay tsy nahita Ahy velona"

**John 20:30****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Raha efa manakaiky ny fiafarana ny tantara, dia manome hevitra momban'ireo zavatra maro izay nataon'i Jesosy ny mpanoratra.

**famantarana**

Ny teny hoe "famantarana" dia maneho ny fahagagana izay mampiseho fa Andriamanitra dia ilay iray mahery izay manana ny fahefana tanteraka amin'ny zavatra rehetra.

**famantarana izay tsy voasoratra tao anatin'ity boky ity**

DH: "famantarana izay tsy nanoratan'ny mpanoratra ny momba izany tato amin'ity boky ity"

**fa ireo dia voasoratra mba**

DH: "fa ny mpanoratra dia nanoratra momban'ireo famantarana ireo"

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**ny fiainana amin'ny anarany**

Eto ny hoe "fiainana" dia midika fa Jesosy no manome ny fiainana. DH: "Mety hanana ny fiainana ianareo noho Jesosy"

**fiainana**

Ity dia maneho ny fiainana ara-panahy.

## Chapter 21

<sup>1</sup> Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia niseho tamin'ireo mpianatra indray teo amin'ny ranomasin'i Tiberiasy. Toy izao ny fomba nisehoany: <sup>2</sup> Simona Petera dia niaraka tamin'i Tomasy izay antsoina hoe Didymo, Natanaela avy any Kana any Galilia, ireo zanak'i Zebedio, ary mpianatr'i Jesosy roa hafa. <sup>3</sup> Hoy Simona Petera tamin'izy ireo hoe: "Handeha hanarato aho." Ary hoy izy ireo taminy hoe: "Izahay, koa, handeha hiaraka aminao." Ka lasa izy ireo ary niditra tao an-tsambokely iray, fa tsy nahazo na inona na inona izy ireo nandritry ny alina tontolo. <sup>4</sup> Ary, raha efa mangiran-dratsy sahady ny andro, dia nijoro teo an-dranomasina Jesosy, fa tsy fantatr'ireo mpianatra hoe Jesosy io. <sup>5</sup> Ka hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ry tovolahy, tsy manan-ko-hanina ve ianareo?" Namaly Azy izy ireo hoe: "Tsia." <sup>6</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Atsipazo eo amin'ny sisiny ankavanana ny sambokely ny haratonareo, dia hahazo ianareo." Ka dia natsipin'izy ireo ny haraton'izy ireo ary tsy nahavita nampiakatra izany tao nohon'ny habetsaky ny hazandrano. <sup>7</sup> Avy eo hoy ilay mpianatra izay tian'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Ny Tompo io." Rehefa ren'i Simona Petera fa ny Tompo io, dia nampiditra ny ambonin'ankanjony izy (satria tsy niakanjo izy), ka nitsambikina tao anaty ranomasina. <sup>8</sup> Ireo mpianatra hafa nankao an-tsambokely (satria izy ireo tsy lavitry ny tanety, teo amin'ny roan-jato hakiho teo), ary nisintona ny harato feno hazandrano. <sup>9</sup> Rehefa tafiakatra an-tanety izy ireo, dia nahita afon'arina teny ary hazandrano teo amboniny, miaraka amin'ny mofo. <sup>10</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mitondrà hazandrano maromaro amin'ireo vao azonareo teo." <sup>11</sup> Ary niakatra Simona Petera ka nisintona an-tanety ny harato, izay feno hazandrano vaventy; 153. Tena maro be, kanefa tsy nitriatra ilay harato. <sup>12</sup> Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avia hisakafo maraina." Tsy nisy tamin'ireo mpianatra sahy nanontany Azy hoe: "Iza moa Ianao?" Fantatr'izy ireo fa ny Tompo io. <sup>13</sup> Nanatona Jesosy, nandray ny mofo, ary nanome izany azy ireo, toy izany koa ny hazandrano. <sup>14</sup> Fanintelony amin'io no nisehoan'i Jesosy tamin'ireo mpianatra taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. <sup>15</sup> Rehefa avy nihinana ilay sakafo maraina izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'i Simona Petera hoe: "Simona zanak'i Jaona, tia Ahy mihoatra noho ireo ve ianao?" Hoy Petera taminy hoe: "Eny ry Tompo, fantatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Fahano ireo ondriko." <sup>16</sup> Niteny taminy fanindroany indray Izy hoe: "Simona zanak'i Jaona, tia Ahy ve ianao?" Hoy Petera taminy hoe: "Eny ry Tompo, fatatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Karakarao ny ondriko." <sup>17</sup> Niteny taminy fanintelony izy hoe: "Simona, zanak'i Jaona, tia Ahy ve ianao?" Dia nalahelo Petera satria Jesosy nanao intelo taminy hoe: "Tia Ahy ve ianao?" Ka hoy izy taminy hoe: "Tompo, Ianao mahalala ny zavatra rehetra, fantatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Fahano ny ondriko." <sup>18</sup> Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fony mbola tanora ianao, dia zatra nampiditra irery ny akanjonao ary nandeha tamin'izay tianao, fa rehefa niha-antitra ianao, dia haninjitra ny tananao, ary olon-kafa no hampikianjo anao sy hitondra anao amin'izay tsy tianao aleha." <sup>19</sup> Ary Jesosy nilaza izany mba hahafantarana hoe amin'ny karazana fahafatesana toy ny inona no hanomezan'i Petera voninahitra an'Andriamanitra. Rehefa avy nilaza izany Izy, dia hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Manaraha Ahy." <sup>20</sup> Nitodika Petera ka nahita ilay mpianatra izay tian'i Jesosy nanaraka azy ireo, ilay iray izay niankina ampitan'i Jesosy ihany koa tao amin'ny fisakafoana ary nanao hoe: "Tompo, iza ilay iray hamadika Anao?" <sup>21</sup> Nahita azy Petera ary hoy izy avy eo tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, inona no ho ataon'io lehilahy io?" <sup>22</sup> Hoy Jesosy taminy hoe: "Raha tiako hitoetra izy mandra-piaviko, dia midika inona izany aminao? Manaraha Ahy." <sup>23</sup> Ka niparitaka teo amin'ireo mpirahalany izany teny izany, fa tsy ho faty io mpianatra io. Nefa Jesosy tsy nilaza tamin'i Petera fa tsy ho faty ilay mpianatra hafa, fa hoe: "Raha tiako hitoetra izy mandra-pihaviko, dia midika inona izany aminao?" <sup>24</sup> Izy ilay mpianatra izay nijoro vavolombelona momba ireo zavatra ireo, sy ilay nanoratra ireo zavatra ireo, ary fantatsika fa marina ny fanambarany. <sup>25</sup> Misy zavatra maro hafa koa izay nataon'i Jesosy. Raha voasoratra tsirairay avy izany, dia heveriko fa na dia izao tontolo izao aza tsy ho omby ny boky izay ho soratana.

### John 21:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Jesosy dia mampiseho ny tenany amin'ireo mpianatra teny amin'ny ranomasin'i Tiberiasy indray. Ny andininy faha-2 sy faha-3 dia milaza amintsika ny zavatra niseho tao amin'ny tantara mialohan'ny nisehoan'i Jesosy.

#### Taorian'ireo zavatra ireo

"fotoana fohy taty aoriana"

#### Didymo

Ity dia anaran-dehilahy izay midika hoe "kambana." Jereo ny nandikanao ity anarana ity tao amin'ny 11:15.

**John 21:4****Ry tovolahy**

Ny dikan'izany dia hoe "Ry namako"

**dia hahazo ianareo**

DH: "hahazo trondro ny aratonareo"

**nampiakatra izany**

"namoaka ny arato avy tao anaty rano"

**John 21:7****tian'i Jesosy**

Ity dia fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**nitsambikina tao anaty ranomasina**

Petera dia nitsambikina tao anaty rano ka nilomana ho eny amoron-dranomasina. DH: "ary dia nitsambikina tao anaty ranomasina ka nilomana ho eny amin'ny morony"

**satria izy ireo tsy lavitry ny tanety, teo amin'ny roan-jato hakiho teo**

Ity dia fampahafantarana fototra.

**roan-jato hakiho teo**

"90 metatra." Ny hakiho dia latsaka kelin'ny atsasa-metatra

**John 21:10****Ary niakatra Simona Petera**

Eto ny hoe "miakatra" dia midika hoe niverina tao anatin'ilay sambokely. DH: "Ka niverina tao an-tsambokely Simona Petera"

**nisintona an-tanety ny harato**

"nisintona ny harato ho eny amoron-dranomasina"

**tsy nitriatra ilay harato**

DH: "tsy rovitra ilay harato"

**John 21:12****Fanintelony**

Laharana 3. DH: "intelo"

**John 21:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Jesosy manomboka miresaka amin'i Simona Petera.

**tia Ahy mihoatra noho ireo ve ianao? ... tia Ahy ve ianao?**

Eto ny hoe "tia" dia maneho ny karazana fitiavana avy amin'Andriamanitra, mifantoka amin'izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza ianao.

**fatatrao fa tia Anao aho**

Rehefa namaly Petera, dia nampiasa ny teny hoe "tia" izay maneho ny fitiavana ara-pirahalahiana na fitiava-namana na fianakaviana.

**Fahano ireo ondriko**

Eto ny "ondriko" dia sari-teny izay maneho ireo olona tia an'i Jesosy sy manaraka Azy. DH: "Fahano ireo olona izay karakaraiko"

**Karakarao ny ondriko**

Eto ny hoe "ondriko" dia sari-teny izay maneho ireo olona tia an'i Jesosy sy manaraka Azy. DH: "Karakarao ireo olona izay karakaraiko"

**John 21:17****Niteny taminy fanintelony izy**

"Jesosy niteny taminy fanintelony hoe"

**tia Ahy ve ianao**

Amin'ity rehefa nametraka ity fanontaniana ity Jesosy dia nampiasa ny teny hoe "tia" izay maneho ny fitiavana ara-pirahalahiana, na fitiava- namana na fianakaviana.

**Fahano ny ondriko**

Eto ny hoe "ondriko" dia sari-teny izay maneho ireo olona tia an'i Jesosy sy manaraka Azy. DH: "Karakarao ireo olona izay karakaraiko"

**marina, dia marina tokoa,**

Adikao tahaka izay nataonao tao amin'ny 1:49 ity.

**John 21:19****Ary**

Jaona dia mampiasa ity teny ity mba hampisehoana fa manome fampahafantarana fototra izy mialohan'ny hanohizany ny tantara.

**hahafantarana hoe amin'ny karazana fahafatesana toy ny inona no hanomezan'i Petera voninahitra an'Andriamanitra**

Eto Jaona dia milaza fa Petera dia ho faty eo amin'ny hazofijaliana. DH: "hahafantarana hoe Petera dia ho faty eo amin'ny hazofijaliana mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra"

**Manaraha Ahy**

Eto ny hoe "Manaraha" dia midika hoe "meteza ho mpianatro" DH: "meteza ho mpianatro hatrany"

**John 21:20****ilay mpianatra izay tian'i Jesosy**

Jaona dia maneho ny tenany amin'ity fomba ity mandritry ny boky, fa tsy nanonona ny anarany.

**tian'i Jesosy**

Ity dia ilay karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary maniry foana izay mahatsara ny hafa, na dia tsy mahazo tombony aza

ianao. Izany karazana fitiavana izany dia mitsinjo ny hafa, na inona na inona nataony.

**amin'ny fisakafoana**

Ity dia manambara ilay sakafo farany. (Jereo ny 13:1)

**Nahita azy Petera**

Eto ny hoe "azy" dia maneho ilay "mpianatra izay tian'i Jesosy."

**Tompo, inona no ho ataon'io lehilahy io?**

Petera dia te-hafantatra hoe inona ny hitranga amin'i Jaona. DH: "Tompo, inona no hitranga amin'io lehilahy io?"

**John 21:22**

**Hoy Jesosy taminy**

"Hoy Jesosy tamin'i Petera"

**Raha tiako hitoetra izy**

Eto ny hoe "izy" dia maneho ilay "mpianatra izay tian'i Jesosy" tao amin'ny 21:20.

**mandra-piaviko**

Ity dia maneho ny fiavin'i Jesosy fanindroa, ny fiverenany avy any an-danitra ho eto an-tany.

**midika inona izany aminao?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba hitenenana mafy amin'ny halemem-panahy. DH: "tsy mahakasika anao izany" na "tsy tokony hiahiahy ny amin'izany ianao"

**teo amin'ireo mpirahalaky**

Eto ny hoe "mpirahalaky" dia maneho ireo mpanara-dia an'i Jesosy rehetra.

**John 21:24**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny faran'ny filazantsaran'i Jaona. Eto ny mpanoratra, Apostoly Jaona, dia manome hevitra famaranana mahakasika ny tenany sy izay nosoratany tao amin'ity boky ity.

**ilay mpianatra**

"Jaona"

**izay nijoro vavolombelona momba ireo zavatra ireo**

Eto ny hoe "nijoro vavolombelona" dia midika fa izy mihintsy no nahita ireo zavatra tantarainy ireo. DH: "izay nahita ireo zavatra rehetra ireo"

**ary fantatsika**

Eto ny hoe "isika" dia maneho ireo izay mahatoky an'i Jesosy. DH: "isika izay mahatoky an'i Jesosy dia mahafantatra"

**Raha voasoratra tsirairay avy izany**

DH: "Raha nisy olona nanoratra ireo rehetra ireo"

**fa na dia izao tontolo izao aza tsy ho omby ny boky**

Jesosy dia nanao fahagagana maro mihoatra izay mety ho soratan'ny olona anaty boky maro. Eto Jaona dia mampiasa fanatomboana resaka mba ho fanamafisana ny hevitra.

**ny boky izay ho soratana**

DH: "ireo boky izay afaka anoratan'ny olona ny momban'izay nataony"



## Book: Acts

### Acts

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Ny boky nosoratako teo aloha, ry Teofilo, dia manambara ny rehetra izay natombok' i Jesosy sy nampianariny, <sup>2</sup> hatramin' ny andro nampiakarana azy, avy eo dia nandidy ireo Apostoly izay nofidiny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izy. <sup>3</sup> Taorian'ny nijaliany, dia nampiseho ny tenany velona tamin'izy ireo Izy niaraka tamin'ireo porofo mandresy lahatra maro. Niseho tamin' izy ireo Izy nandritra ny andro efapolo andro, ary niresaka momba ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>4</sup> Rehefa nihaona niaraka tamin'izy ireo Izy, dia nandidy azy ireo tsy hiala ao Jerosalema, fa hiandry ny fampanantenan'ny Ray, momba izay, nolazainy hoe: "Nandre tamiko ianareo <sup>5</sup> fa nanao batisa tamin' ny rano tokoa i Jaona, fa ianareo dia tokony hatao batisa amin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny andro vitsy". <sup>6</sup> Rehefa tafavory niaraka izy ireo dia nanontany Azy izy ireo hoe: "Tompo, Izao ve no fotoana hamerenanao ny fanjakana ho an'Israely?" <sup>7</sup> Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy ianareo no hahafantatra ny fotoana na ireo vanin'andro izay notendren' ny Ray tamin'ny fahefany manokana. <sup>8</sup> Fa rehefa tonga kosa ny Fanahy Masina dia hahazo hery ianareo, ka ho lasa vavolombeloko eran' ny Jerosalema sy Jodia iray manontolo ary Samaria, sy hatrany am-parantany." <sup>9</sup> Rehefa niteny izany zavatra izany i Jesosy Tompo, dia niandrindra izy ireo, nakarina Izy, ary ny rahona nanakona Azy teo imason' izy ireo. <sup>10</sup> Raha mbola nibanjina ny lanitra iny izy ireo tamin' ny nandehany, tampoka teo, nisy roalahy niakanjo fotsy nitsangana teo anilan' izy ireo. <sup>11</sup> Niteny izy ireo hoe: "Ry lehilahy avy any Galilia, maninona ianareo no mitsangana eto mijery ny lanitra? Iny Jesosy nalaina taminareo izay nampiakarina any an-danitra iny, dia hiverina tahaka ny nahitanareo azy niakatra any an-danitra teo iny. <sup>12</sup> Avy eo izy ireo dia niverina tany Jerosalema avy tao amin'ny tendrimbohit'Oliva, izay eo akaikin'ny Jerosalema, mitovy amin'ny dian'ny andro Sabata iray. <sup>13</sup> Rehefa tonga izy ireo, dia niakatra tao amin'ny efitra ambony rihana, izay nitoeran' izy ireo. Izy ireo dia i Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipino, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i Alifeo, Simona Zelota, ary Jodasy zanak'i Jakoba. <sup>14</sup> Nitambatra ho iray izy rehetra, ary nazoto nivavaka. Anisan'izany ireo vehivavy, Maria renin'i Jesosy, sy ireo rahalahiny. <sup>15</sup> Tamin' izany andro izany i Petera dia nitsangana teo afovoan' ireo rahalahiny, eo amin'ny ny olona 120 eo, ary niteny hoe <sup>16</sup> : "Ry rahalahy, tena nilaina ny fahatanterahan'ny Soratra Masina, izay nambaran' ny Fanahy Masina mialoha tamin' ny vavan'i Davida momba an' i Jodasy, izay nitondra ireo olona nisambotra an' i Jesosy." <sup>17</sup> Fa anisan'ny iray amintsika izy ary nahazo ny anjarany tamin'izao fanompoana izao." <sup>18</sup> (Ankehitriny io lehilahy io dia nividysaha tamin' ny vola azony tamin' ny faharatsiana izy, ary lavo nihohoka teo izy, ka nisokatra sy nipoaka ny vatany, ary nivoaka avokoa ny tsinainy. <sup>19</sup> Ireo olona rehetra tao Jerosalema dia naheno ny momba izany, ary niantso io saha io tamin'ny fitenin'izy ireo hoe: "Akeldama", izany hoe: "Sahan-dRà.") <sup>20</sup> Fa efa voasoratra ao amin' ny Bokin'ny Salamo hoe: "Avelao ho lao ny sahany, ary aza avela na dia olona iray aza hipetraka ao; 'Avelao ho raisin'ny olon-kafa ny andraikiny." <sup>21</sup> Noho izany, dia ilaina, ny iray amin'ireo lehilahy niaraka tamintsika nandritran'ny fotoana rehetra nidiran' i Jesosy Tompo sy ny nivoahany teto amintsika, <sup>22</sup> hatramin'ny batisan'i Jaona ka hatramin'ny andro niakaranya teo amintsika, dia tsy maintsy vavolombelona miaraka amintsika amin'ny fitsanganany." <sup>23</sup> Ary nametraka roa lahy izy ireo, dia i Josefa nantsoina hoe Barsabasy, na koa atao hoe Josto, ary Matia. <sup>24</sup> Nivavaka izy ireo ary niteny hoe: "Ianao, ry Tompo, no mahalala ireo fon'ny olona rehetra, koa ambarao izay hofidinao amin' izy roalahy <sup>25</sup> mba haka ny toerana ato amin' izao fanompoana izao sy ny maha Apostoly nohon' ny fandikan-dalàna izay nataon' i Jodasy handeha ho any amin' ny toerany manokana. <sup>26</sup> Izy ireo dia niloka ho azy ireo, ary nilatsaka tamin'i Matia ny filokana, ary voaisa ho Apostoly iraka ambin' ny folo izy.

#### Acts 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manazava ny antony nanoratany an'i Teofilo i Lioka

##### Ny boky nosoratako teo aloha

Ilay boky taloha dia ny Filazantsaran'i Lioka

##### Teofilo

I Lioka dia nanoratra io boky io hoan'ilay lehilahy nantsoina hoe Teofilo. Misy amin'ireo fandikan-teny

no manaraka ny fomban'ny kolontsain'izy ireo amin'ny fandefasana taratasy ary manoratra hoe "Ry Teofilo" any amin'ny fiantombohan'ny fehezanteny. Ny Teofilo dia midika hoe: "naman'Andriamanitra" (Jereo: fandikan-tenin'ireo anarana)

#### **hatramin' ny andro nampiakarana Azy**

Io dia manambara ny fiakaran'i Jesosy tany an-danitra. DH: "mandrapaha-tonga ny andro nampiakaran'Andriamanitra Azy tany an-danitra" na "mandrapaha-tonga ilay andro izay hiakaran' any an-danitra"

**Nandidy ireo Apostoly tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina**  
Ny Fanahy Masina no nitarika an'Jesosy hampianatra ireo zavatra sasany tamin'ireo Apostoly

#### **Taorian'ny fijaliana**

Io dia manambara ny fijalian'i Jesosy sy ny nahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana

**nampiseho ny tenany velona tamin'izy ireo Izy**  
Niseho tamin'ireo Apostoliny sy tamin'ireo mpianany hafa i Jesosy

#### **Acts 1:4**

##### **Fampifandraisna ny foto-kevitra**

Izany dia nitranga nandritran'ireo 40 andro nisehoan'i Jesosy tamin'ireo mpanara-dia Azy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty.

##### **Fampafantarana amin'ny ankapobean'ny**

Eto ny teny hoe: "Izy"dia manambara an'i Jesosy.

##### **Rehefa nihaona niaraka tamin'izy ireo Izy**

Rehefa nihaona niaraka tamin'ireo Apostoliny i Jesosy

##### **ny fampanantenan'ny Ray**

Io dia manambara ny Fanahy Masina. DH: "ny Fanahy izay nampanantenain'ny Ray ho alefany"

##### **fa nanao batisa tamin' ny rano tokoa i Jaona, fa ianareo dia hatao batisa amin'ny Fanahy Masina**

I Jesosy dia nampitaha ny fomba fanaovan'i Jaona Batisa ireo olona ao anaty rano amin'ny fanaovan'Andriamanitra Batisa ao amin'ny Fanahy Masina.

##### **fa nanao batisa tamin' ny rano tokoa i Jaona**

fa nanao batisa ireo olona tamin' ny rano tokoa i Jaona

##### **fa ianareo dia tokony hatao batisa**

Izany koa dia azo avadika tso-drafitra hoe: "Andriamanitra dia hanao Batisa anareo"

#### **Acts 1:6**

##### **Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe: "Izy ireo"dia milaza ireo Apostoly

##### **Izao ve no fotoana hamerenanao ny fanjakana ho an'Israely**

"hoataonao fanjakana lehibe indray ve i Israely ankehitriny"

##### **ny fotoana na ireo vanin'andro**

Ireo mety ho dikany 1) ny teny hoe: " ny fotoana na ireo vanin'andro"dia manambara karazana fotoana. DH: "ny fotoana amin'ny ankapobeny na daty voafaritry" na 2) ireo teny roa ireo amin'ny ankapobeny dia mitovy hevitra. DH: "ilay fotoana voafaritrra mazava"

##### **hahazo hery ianareo, ka ho lasa vavolombeloko**

Ireo Apostoly dia handray hery izay ahafahan'izy ireo mijoro ho vavolombelon'i Jesosy. DH: "Hampahery anareo Andriamanitra ... mba ho vavolombeloko

##### **hatrany am-paran-tany**

Ireo mety ho dikany 1) "manerana izao tontolo" na 2) "hatrany amin'ireo toerana lavitra indrindra eto an-tany

#### **Acts 1:9**

##### **niandrandra izy ireo**

" niandrandra izy ireo." ireo Apostoly dia niandrandra satria niakatra teny amin'ny rahona. DH: "raha nibanjina ny rahona izy ireo"

##### **nakarina Izy**

Izany dia azo atao tso-drafitra. DH : "Niakatra teny amin'ny rahona Izy" na "Andriamanitra dia nampiakatra Azy teny amin'ny rahona"

##### **ary ny rahona nanakona Azy teo imason' izy ireo**

"nisy rahona iray nanakona ka tsy afaka ny nitazana Azy intsony izy ireo"

##### **nibanjina ny lanitra**

"nandinika ny lanitra"na "nijery maharitra ny lanitra"

##### **Ry lehilahy avy any Galilia**

Ireo anjely dia niresaka tamin'ireo Apostoly tahaka ireo lehilahy avy any Galilia.

##### **hiverina tahaka ny nahitanareo**

I Jesosy dia hiverina any amin'ny lanitra, tahaka ny nanakoman'ny rahona Azy rehefa niakatra tany an-danitra Izy.

#### **Acts 1:12**

##### **Avy eo izy ireo dia niverina**

"Ireo Apostoly dia niverina"

##### **dian'ny andro Sabata iray**

Io dia manambara ny halavira izay araka ny fomban-dRaby dia ny olona iray dia mahazo mandeha amin'ny andro Sabata. DH: "miala manodidina ny iray kilometatra"

**Rehefa tonga izy ireo**

"Rehefa tonga tany amin'ny nalehany izy ireo." ny andininy faha 12 dia milaza fa izy ireo dia niverina tany Jerosalema.

**efitra ambony rihana**

"ilay efitra any ambony rihan'ilay trano"

**Nitambatra ho iray izy rehetra**

Izany dia manambara fa ireo Apostoly sy ireo mpino tao dia nifampizara tanjona sy fanoloran-tena iray ary tsy nisy fifandirana teo amin'izy ireo

**satria izy ireo dia nazoto nanohy nivavaka**

Izany dia manambara fa ireo mpianatra dia nivavaka niaraka fona ary matetika

**Acts 1:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Izany dia nitranga nandritran'ny fotoana nijanonan'i Petera sy ireo mpino hafa tao amin'ny efitra ambony rihana.

**Tamin'izany andro izany**

Ireo teny ireo dia nanamarika ny fiatombohan'ny fizarana vaovaon'ny tantara. Ireo dia manondro ny fotoana taorian'ny niankaran'i Jesosy, nandritran'ny fihonon'ireo mpianatra tao amin'ny efitra ambony rihana. DH: "Nandritra izany fofonana izany"

**teo afovoan' ireo rahalahiny**

Eto ny teny hoe "ireo rahalahy" dia manambara ireo namana mpino ary ao anatin'izany lahy sy vavy.

**tena nilaina ny fahatanterahin'ny Soratra Masina**

Azo avadika tso-drafitra ihany koa io. DH: "Ireo zavatra izay novakantsika momban'ny ao anaty Soratra Masina dia tokony hitranga"

**amin' ny vavan'i Davida**

Ny teny hoe "vava" eto dia manambara ireo teny izay nosoratan'i Davida. DH: "Tamin'ny alalan'ireo tenin'i Davida"

**Acts 1:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ao amin'ny andininy faha 17 i Petera dia nanohy niteny tamin'ireo mpino izay nanomboka tao amin'ny 1:15

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 18-19 ny mpanoratra dia mitantara amin'ireo mpamaky ny fampafantarana amin'ny ankapobeny momban'ny fomba nahafatesan'i Jodasy sy ny niantson'ireo olona ilay toerana ilay toerana nahafatesany. Io dia tsy ao amin' ny fizarana misy ny tenin'i Petera.

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Na dia niresaka tamin'ireo vondron'olona manontolo ary i Petera dia eto ny teny hoe "sika" dia manambara an'ireo Apostoly ihany.

**Ankehitriny io lehilahy io**

Ny teny hoe "io lehilahy io" dia manambara an'i Jodasy Iskariota.

**ny vola azony tamin' ny faharatsiany**

"Ilay vola izay azony avy amin'ny asa ratsy nataony." Ny teny hoe: "ny faharatsiany" dia manambara ny famitahan'i Jodasy an'i Jesosy tamin'ireo olona izay namonon azy.

**lavo nihohoka teo izy, ka nisokatra sy nipoaka ny vatany, ary nivoaka avokoa ny tsinainy**

Izany dia milaza fa i Jodasy dia nianjera avy eny amin'ny toerana avo fa tsy nienjera tsotra fotsiny. Ilay fianjerana dia nahery ka nitarika ny vatany hisokatra. Ny andalana hafa ao amin'ny Soratra Masina dia milaza fa nananto-tena izy.

**Sahan-dRà**

Rehefa nandre ny fomba nahafatesan'i Jodasy ny olona niaina tao Jerosalema dia nomen'izy ireo anarana ilay saha.

**Acts 1:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ao amin'ny andininy faha 17 i Petera dia nanohy niteny tamin'ireo mpino izay nanomboka tao amin'ny 1:15

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Izany dia nifototra tamin'ny toe-javatra nisy an'i Jodasy izay nazavain'i Petera dia namerina niantso Salamon'i Davida roa izay nisy nifandraisana tamin'ilay voina izy. Ny fanambarana dia nifarana teo amin'ny fiakaran'ilay andininy

**Fa efa voasoratra ao amin' ny Bokin'ny Salamo**

DH: "Fa i Davida dia nanoratra tao amin'ny bokin'ny Salamo"

**Avelao ho lao ny sahan'ny, ary aza avela na dia olona iray aza hipetraka ao**

Ireo fehezanteny roa ireo amin'ny ankapobeny dia zavatra mitovy. Ilay faharoa dia manamafy ny hevitr'ilay voalohany amin'ny famerenana ilay foto-kevitra amin'ny alalan'ny teny hafa

**ho lao**

ho lasa tany ngazana

**Acts 1:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny teniny tamin'ireo Mpino i Petera izay natombony tao amin'ny 1:15

**Fampafanatarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "isika" dia manambara ireo Apostoly ary tsy tafiditra ao ireo izay nihaino an'i Petera.

**Noho izany, dia ilaina**

Raha nalaina avy ao amin'ny Soratra Masina izay nolazainy sy tamin'ny nataon'i Jodasy dia niteny izay tokony ataon'izy ireo tao amin'ny vondrona i Petera

**ny iray amin'ireo lehilahy niaraka tamintsika ... dia tsy maintsy vavolombelona miaraka amintsika amin'ny fitsanganany**

Nanao lisitrin'ireo zavatra takiana hoan'ilay lehilahy izay hisolo an'Jodasy amin'ny maha Apostoly azy i Petera.

**nidiran' i Jesosy Tompo sy ny nivoahany teto amintsika**  
"Ny Tompo Jesosy dia nihaina niaraka tamintsika"**hatramin'ny batisan'i Jaona**

Ireo mety handikana azy: 1) "Niantomboka tamin'ny fanaovan'Jaona Batisa an'i Jesosy" na koa hoe: "Niantomboka tamin'ny nanaovan'i Jaona Batisa ny olona"

**hatramin'ny andro niakarany teo amintsika,**

Izany koa dia azo hadika hoe: "hatramin'ny andro nandaozan'i Jesosy atsika sy niakarany any andanitra" na "hatramin'ny andro nangalan'Andriamanitra Azy teto amintsika"

**nametraka lehilahy roa izy ireo**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manambara ireo mpino rehetra izay nanatrika. Azo hadika koa hoe: "Izy ireo dia nanolotra lehilahy roa izay mahafeno ny fitakiana izay notanisain'i Petera"

**i Josefa nantsoina hoe Barsabasy, na koa atao hoe Josto**  
I Barsabasy dia anaran'i Josefa fa ny olona koa dia niantso azy hoe Josto . DH: "I Josefa Barsabasy izay nantsoin'ny olona koa hoe Josto"

**Acts 1:24****Nivavaka izy ireo ary niteny**

Eto ny teny hoe "Izy ireo" dia manambara ireo mpino fa io dia mety hoe iray tamin'ireo Apostoly izay niteny ireo teny ireo. DH: "Ireo mpino dia niaraka nivavaka ary iray tamin'ireo Apostoly niteny niteny hoe: "

**"Ianao, ry Tompo, no mahalala ireo fon'ny olona**

Eto ny teny hoe "ireo fo" dia manambara ireo eritreritra sy ireo antony. DH: "Ianao, ry Tompo dia mahafantatra ireo antony sy eritreritrin'ny tsirairay.

**mba haka ny toerana ato amin' izao asa fanompoana izao sy ny maha Apostoly**

Eto ny teny hoe "maha Apostoly" dia mamaritra izay karazanan'ny hoe "asa fanompoana" inona izany. DH: "Mba haka ny toeran'i Jodasy amin'ny asa fanompoana apostolika" na "haka ny toeran'i Jodasy amin'ny fanompoana amin'ny maha Apostoly"

**nohon' ny fandikan-dalàna izay nataon' i Jodasy**

Ny teny "fandikan-dalàna" eto dia midika fa i Jodasy dia nivadika na nanajanona ny fanaovana izany asa fanompoana izany. DH: "izay novadihan'i Jodasy"

**handeha ho any amin' ny toerany manokana**

Io fehezanteny io dia manambara nty fahafatesan'i Jodasy sy ny mety ho fitsarana azy taorian'ny fahafatesana. DH: "handeha any amin'izay niavihany"

**Izy ireo dia niloka ho azy ireo**

Ireo Apostoly dia niloka mba hifidianana amin'i Josefa sy Matia.

**Izy ireo dia niloka ho azy ireo**

Ary dia fantatra fa i Matia ilay iray izay hisolo toerana an'i Jodasy.

**voaisa ho Apostoly iraika ambin' ny folo izy.**

DH: "ireo mpino dia nandray azy ho isan'ireo Apostoly miaraka amin'ireo iraika ambin'ny folo

## Chapter 2

<sup>1</sup> Nony tonga ny andron'ny Pantekosta, niangona tamin'ny toerana iray izy rehetra. <sup>2</sup> Tampoka teo avy any an-danitra nisy feo toy ny rivotra mahery nifofofoto, ary nameno ny trano manontolo izay nipetrahan'izy ireo izany. <sup>3</sup> Nisy afo niendrika lela maro izay nizarazara, ary nipetraka teo ambonin'izy ireo tsirairay avy. <sup>4</sup> Izy rehetra dia feno ny Fanahy Masina ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araky ny nomen'ny Fanahy Masina hitenen'izy ireo. <sup>5</sup> Ary nisy Jiosy izay nipetraka tao Jerosalema, olon'Andriamanitra, avy amin'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra. <sup>6</sup> Rehefa nandre izany feo izany, dia tonga niraka ireo vahoaka sady sahiran-tsaina satria ny tsirairay dia samy nandre azy ireo niteny tamin'ny fiteniny avy. <sup>7</sup> Izy ireo dia talanjona sy gaga; niteny hoe: "Marina, fa tsy ireo rehetra miteny ireo ve no Galileanina? <sup>8</sup> Nahoana no maheno azy ireo isika, amin'ny fitenintsika tsirairay avy izay naha lehibe antsika? <sup>9</sup> Partianina sy Medianina ary Elemita, ary ireo izay mipetraka any Mesopotamia, any Jodia sy Kapadokia, any Ponto sy Asia, <sup>10</sup> Frygia sy Pamfylia, any Egypta ary Libya hatrany amin'i Kyrena, ary ireo mpitsidika avy any Roma, <sup>11</sup> Jiosy sy Proselyta, Kreatana sy Arabo, dia rentsika miresaka amin'ny fitenintsika momba ny asa lehibe ataon'Andriamanitra." <sup>12</sup> Izy ireo dia gaga ary sahiran-tsaina; ary nifampiresaka izy ireo hoe: "Inona no dikan'izany?" <sup>13</sup> Fa ireo sasany nanesa sady niteny hoe: "Izy ireo dia mamon'ny divay vaovao." <sup>14</sup> Fa i Petera nitsangana niaraka tamin'izy iraik'ambin'ny folo, nampiakatra ny feony, ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Ry lehilahin'i Jodea sy ianareo rehetra izay mipetraka eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, tandremo ireo teniko. <sup>15</sup> Ho an'ireo olona tsy mamono araka izay heverinareo, fa vao ora fahatelo amin'ny andro izao. <sup>16</sup> Fa izao ilay voalaza tamin'i Joela mpaminany: <sup>17</sup> 'Amin'ny andro farany,' Andriamanitra miteny hoe: 'Halatsako amin'ny olona rehetra ny Fanahiko. Ireo zanakareo lahy sy ny zanakareo vavy dia haminany, ny zatovonareo dia hahita fahitana, ary ny anti-dahinareo hanofy nofy. <sup>18</sup> Toy izany koa ny amin'ireo mpanompoko lahy sy ny mpanompoko vavy amin'ireo andro ireo. Halatsako ny Fanahiko, ary izy ireo dia haminany. <sup>19</sup> Izao dia hampiseho zava-mahagaga eny amin'ny lanitra ambony sy famantarana eny amin'ny tany ambany, rà, afo, ary enton-tsetroka. <sup>20</sup> Ny masoandro dia ho lasa haizina ary ny volana ho lasa rà, mialohan'ny andro lehibe sy miavaka hiavian'ny Tompo. <sup>21</sup> Ary ny olona rehetra izay miantso ny anaran'Andriamanitra dia ho voavonjy. <sup>22</sup> Ry olon'Israely, henoy izao teny izao: Jesosy avy any Nazareta, ilay olona nampisehoana anareo tamin'ny alalan'Andriamanitra mba ho marina amin'ireo asa lehibe, ireo fahagagana, ary ireo famantarana izay nataon'Andriamanitra taminy teo afovoanareo, araka ny fantatrin'ny tenanareo. <sup>23</sup> Io lehilahy io dia natolotry ny drafitr'Andriamanitra izay efa nomanina mialoha sy ny fahalalany, ary ny tanan'ny mpandika lalàna sy ianareo, namono azy tamin'ny famantsihana azy teo amin'ny hazo fijaliana. <sup>24</sup> Fa Andriamanitra nanangana Azy, nanafaka Azy tamin'ireo fanaintainan'ny fahafatesana, satria sarotra ho Azy ny niala tamin'izany. <sup>25</sup> Fa i Davida miteny momba azy hoe, "Nahita ny Tompo teo anoloako mandrakariva aho, fa eto an-tanan-kavanako Izy ka tsy tokony hangozohozo aho. <sup>26</sup> Dia tena faly ny foko ary niravoravo ny lelako. Ary ihany koa, ny nofoko hivelona amin'ny fahatokiana. <sup>27</sup> Fa tsy nilaozanao ho any amin'ny Fiainan-tsy hita ny fanahiko ary tsy hamela ny Iray Masinao ho lo ianao. <sup>28</sup> Nampahafantatra ahy ireo lalan'ny fiainana Ianao; Ianao dia hameno fifaliana ahy amin'ny endrikao." <sup>29</sup> Ry rahalahy, afaka miresaka aminareo am-pitokiana momba an'i Davida Patriarika aho: efa maty izy no nalevina, ary ny fasany dia eto amintsika mandrak'androany. <sup>30</sup> Noho izany, mpaminany izy ary fantany fa efa nianiana taminy Andriamanitra, fa ny taranany no ho eo amin'ny seza fiandrianany. <sup>31</sup> Efa hitany izany dia niresaka momban'ny fitsangananan'i Kristy tamin'ny fahafatesana, 'sady izy tsy navela tao amin'ny fiainan-tsy hita, no tsy nanao ny nofony ho tratrin'ny fahaloavana.' <sup>32</sup> Io Jesosy io-Andriamanitra no nanangana Azy, ka vavolombelon'izany izahay rehetra. <sup>33</sup> Noho izany rehefa nasandratry ny tanan'ankavan'Andriamanitra Izy dia nandray ny Fanahy Masina nampanantenaina avy amin'ny Ray, efa narotsany izany, izay hitanareo sy renareo. <sup>34</sup> Fa i Davida dia tsy niakatra tany an-danitra, fa izy niteny oe: 'Ny Tompo nilaza tamin'ny Tompoko, "mitoera eto an-tanako ankavanako, <sup>35</sup> mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.'" <sup>36</sup> Noho izany, aoka ho fantatry ny rehetra indrindra ny tranon' Israely fa Andriamanitra no nanao Azy ho Tompo sy Kristy, ilay Jesosy izay nombonanareo." <sup>37</sup> Ary raha nandre izany izy ireo, voatsindrona ny fon'izy ireo, ary niteny tamin'i Petera sy ireo apostoly ambiny hoe: "Rahalahy, inona no tokony ho ataonay?" <sup>38</sup> Avy eo Petera niteny tamin'izy ireo hoe: "Mibebaha manaova batisa, ianareo tsirairay avy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny fahotanareo, sy handraisanareo ny fanomezan'ny Fanahy Masina. <sup>39</sup> Fa ny fampanantenana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ireo rehetra izay lavitra, ka ho betsaka ireo olona izay ho antsoin' ny Tompo Andriamanintsika." <sup>40</sup> Niaraka tamin'ny teny maro hafa no nijoroany ho vavolombelona sy nandrisihany azy ireo; nilaza izy hoe, "Vonjeo ny tenanao amin'ity taranaka ratsy fanahy ity." <sup>41</sup> Ary izy ireo nandray ny teniny ka natao batisa, ary tokony fanahin'olona teo amin'ny telo arivo teo ho eo no nampiana tamin'io

andro io. <sup>42</sup> Nanohy sy niharitra ny asa fitoriana sy ny fampianaran'ny apostoly izy ireo, teo amin'ny fanampahana ny mofo sy ny fivavahana. <sup>43</sup> Tonga teo amin'ny fanahin'ny tsirairay tahotra, ary fahagagana sy famantarana maro no vita tamin'ny alalan'ny apostoly. <sup>44</sup> Ireo rehetra nino dia niangona ary nanana zavatra nitovy, <sup>45</sup> ary izy ireo dia nivarotra ny taniny sy ny fananany ka nizara izany tamin'izy rehetra, arak'izay nilainy avy. <sup>46</sup> Ary isan'andro isan'andro dia nitohy nanompo tamin'ny fomba fijery mitovy tao an-tempoly izy ireo, sy nanapaka ny mofo tao an-trano, ary nizara sakafo tamim-pifaliana sy fo feno fanetren-tena; <sup>47</sup> Nidera an'Andriamanitra ary nahazo fankasitrahana tamin'ny olona rehetra. Isan'andro ny Tompo dia nanampy ny isan'ireo izay voavonjy.

## Acts 2:1

### Fampafantarana amin'ny ankapobeny

Ity dia tranga vaovao; eto dia andron'ny Pentekosta, 50 andro taorian'ny Paska

### Fampafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy ireo" dia manambara ireo Apostoly sy ireo mpino 120 hafa izay notononin'i Lioka ao amin'ny 1:15

### Tampoka teo

Io teny io dia manambara ny tranga izay tsy nampoizina.

### avy any an-danitra nisy feo

Ireto avy no mety ho dikany 1) "an-danitra" dia manambara ny toerana hipetrehan'Andriamanitra. DH: "nisy feo avy any an-danitra" na 2) "an-danitra" dia manambara ny lanitra. DH: "nisy feo avy eny amin'ny habakabaka"

### feo toy ny rivotra mahery nifofofoto

"feo iray izay toin'ny tso-drivotra tena mahery"

### ny trano manontolo

Io dia mety trano na trano tena lehibe

### indro niseho tamin'izy ireo ny afo miendrika lela

Io dia mety tsy ho tena afo na lela fa zavatra izay mitovy endrika amin'ireo. Ny mety ho dikany dia 1) lela izay toy ny vita amin'ny afo na 2) lelan'afo kely izay miendrika lela. rehefa mirehitra eny amin'ny toerana kely ny afo tahaka ny jiro dia maka endrika toy ny lela izy.

### izay nizarazara, ary nipetraka teo ambonin'izy ireo tsirairay avy

Izany hoe ilay "lela niendrika afo" dia niparitaka ka nisy teny amin'ny olona tsirairay avy.

### Izy rehetra dia feno ny Fanahy Masina ary

Izany dia azo hadika ko ho: "Ny Fanahy Masina dia nameno ireo izay rehetra teo sy izy ireo.

### niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa

Ireo fiteny ireo dia fiteny tsy mbola fantatr'izy ireo.

## Acts 2:5

### Fampafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha 5 dia manome fampafantarana fototra momban'ireo hamaroan'ieo Jiosy izay niaina tao Jerosalema, maro tamin'ireo izay nanatrika tamin'io tranga io.

### Fampafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy ireo" dia manambara ireo mpino; ny teny hoe "izy" dia manambara ireo olona tsirairay tao anatin'ny maro.

### olon'Andriamanitra

eto ny "olon'Andriamanitra" dia manambara ireo olona izay nanolo-tena amin'ny fiderana an'Andriamanitra ary mankatoka ireo lalàna rehetra an'ireo Jiosy.

### 'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra

"ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra" Io dia hitatra izay hampisongadinana fa avy tamin'ireo firenena samihafa ireo olona. DH: "firenena maro samihafa"

### Rehefa nandre izany feo izany

Io dia manambara ilay feo izay nitovy tamin'ny tso-drivotra mafy. DH: "Rehefa nandre izany feo izany izy ireo"

### vahoaka

"olona maro be"

### Izy ireo dia talanjona sy gaga;

Ireo teny roa ireo dia mitovy ny dikany. Ny fitambaran'izy ireo dia manansongadina ny herin'ny fahatalanjonana. DH: "Izy ireo dia tena talanjona"

### Marina, fa tsy ireo rehetra miteny ireo ve no Galileanina?

nametraka io fanontaniana io ireo olona mba nanehon'izy ireo ny fahatalanjonan'izy ireo. Azo havadika ho toy izao koa io fanontaniana io. DH: "Ny ankamaroan'ireo Galileanina ireo dia mety tsy ahafantatra ny fitenintsika!"

**Acts 2:8**

**Nahoana no maheno azy ireo isika, amin'ny fitenintsika tsirairay avy izay nahalehibe antsika?**

Ireto avy no mety ho dikany 1) io dia fanontaniana tsy miandradra valiny izay nanehon'izy ireo ny fahatalanjonan'izy ireo na 2) io dia tena fanontaniana izay tian'ireo olona ahazo valiny.

**amin'ny fitenintsika tsirairay avy izay nahalehibe antsika**  
"amin'ny fiteny izay nianarantsika hatramin'ny fahakely"

**Partianina ... Arabo**

Io dia mitanisa ireo firenena, faritra ary tanàna sasany izay niavin'izy ireo.

**Proselyta**

"nivadika ho amin'ny finoana Jiosy"

**Acts 2:12**

**gaga ary sahiran-tsaina**

Ireo teny roa ireo dia manana dikan-teny mitovy. Ny fitambaran'izy ireo dia manamafy ny tsy fahazoan'ireo olona izay zava-nitranga. DH: "tsy nanam-po ary nikorontan-tsaina"

**Izy ireo dia mamon'ny divay vaovao**

ny sasany tamin'ireo olona dia niampanga ireo mpino ho mamon'ny divay be loatra. DH: "mamo izy ireo"

**divay vaovao**

Io dia manambara ilay divay izay mbola an-dalana ho tehirizina.

**Acts 2:14**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Petera dia nanomboka ny teniny tamin'ireo Jiosy izay teo tamin'ny andron'ny Pentekosta.

**nitsangana niaraka tamin'izy iraik'ambin'ny folo**

Nijoro nanohana ny tenin'i Petera daholo ireo Apostoly rehetra.

**Aoka ho fantatrareo izao**

Izany dia manambara fa i Petera dia hanazava ny dikany izay nijoron'ireo olona vavolombelona. Azo hadika ko hoe: "Fantaro izao" na "Aleo hoazavaiko anareo izany"

**tandremo ireo teniko**

I Petera eto dia miresaka ilay zavatra no teneniny. DH: "henoy tsara izay lazaiko"

**vao ora fahatelo amin'ny andro izao**

"izany dia amin'ny sivy ora maraina". I Petera dia nanantena ireo mpihaino azy ahafantatra fa ireo olona dia tsy mamo aloha be toy izany anatin'ny iray andro.

**Acts 2:16**

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto i Petera dia miteny azy ireo andalana iray momban'ilay zavatra nosoratan'ny mpaminany Joela tao amin'ny Testamenta Taloha izay mifandray amin'izay zava-nitranga niaraka tamin'ireo fiteny izay napesain'ireo mpino. Izany dia nosoratana tahaka ny poesia.

**Fa izao ilay voalaza tamin'i Joela mpaminany**

Izany dia azo hadika hoe: "Izany no nolazain'Andriamanitra tamin'ny mpaminany Joela ho soratany"

**Izany dia ho amin'ny**

"Izany no hitranga" na "Izao no hoataoko"

**Halatsako amin'ny olona rehetra ny Fanahiko**

Eto ny teny hoe "halatsako" dia midika hoe omena am-pitiavana. DH: "omeko ny fanahiko ny olona rehetra"

**Acts 2:18**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy izay nolazain'ny mpaminany Joela i Petera.

**mpanompoko lahy sy ny mpanompoko vavy**

"na mpanompo lahy na vavy." Ireo teny ireo dia manamafy fa Andriamanitra dia handatsaka ny fanahy amin'ny mpanompony rehetra lahy sy vavy.

**Halatsako ny Fanahiko**

Eto ny teny hoe "halatsako" dia midika hoe omena am-pitiavana. DH: "omeko ny fanahiko ny olona rehetra." Jereo ny nandikanao azy ao amin'ny 2:16

**enton-tsetroka**

"setroka manify" na "setroka miendrika rahona"

**Acts 2:20**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

namarana izay voalazan'ny mpaminany Joela i Petera.

**Ny masoandro dia ho lasa haizina**

Izany dia midika fa ny masoandro dia hiseho amin'ny endrika maizina fa tsy hazava. DH: "Hiova ho maizina ny masoandro"

**ary ny volana ho lasa rà**

Izany dia manambara fa hiloko mena toy ny rà ny volana. DH: "ary ny volana dia hiloko mena"

**andro lehibe sy miavaka**

Ny teny "lehibe"sy "miavaka" dia mitovy ny heviny ary manamafy ny maha lehibe. DH: "Ilay tena lehibe"

**miavaka**

"tsy mahazatra" na "manam-danja"

**Ary ny olona rehetra izay miantso ny anaran'Andriamanitra dia ho voavonjy**  
Azo hadika ko hoe: "Ny Tompo dia hamonjy ny tsirairay izay miantso Azy"

## Acts 2:22

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nanohy ny teniny izay natombony tao amin' ny 1:15 tamin'ireo Jiosy i Petera.

**henoy izao teny izao**  
"henoy izay ho lazaiko"

**olona nampisehoana anareo tamin'ny alalan'Andriamanitra mba ho marina amin'ireo asa lehibe, ireo fahagagana, ary ireo famantarana**  
Io dia manambara fa Andriamanitra dia nanaporofa fa izy dia nametraka an'i Jesosy amin'ny asany amin'ny fanaovana fahagagana maro.

**dia natolotry ny drafitr'Andriamanitra izay efa nomanina mialoha sy ny fahalalany**  
Io dia manambara fa Andriamanitra dia efa nanomana sy nahafantatra izay hitranga amin'i Jesosy. DH: "satria Andriamanitra dia efa nanomana sy nahafantatra mialohan'ny zava-drehetra izay zavatra hitranga"

**Io lehilahy io dia natolotra**  
Ireo mety ho dikany: 1) namadika an'i Jesosy ianao ary nanolotra azy ho amin'ireo fahavalony"na 2) "I Jodasy dia namitaka an'i Jesosy hoanareo"

**ary ny tanan'ny mpandika lalàna sy ianareo, namono azy raha ny marina na dia namono an'i Jesosy ary ireo "mpandika lalàna", i Petera dia niampanga ny vahoaka ho namono Azy satria izy ireo no nangataka ny fahafatesany.**

**ny tanan'ny mpandika lalàna**  
"tamin'ny alalan'ireo mpandika lalàna ,"  
tamin'alalan'ny fahefan'ireo mpandika lalàna" na "tamin'ny fampiasana ireo mpandika lalàna"

**nanafaka Azy tamin'ireo fanaintainan'ny fahafatesana, satria sarotra ho Azy ny niala tamin'izany**  
I Petera dia niresaka ny fahafatesana tahaka ny olona izay mangeja ny olona sy mitarika azy ireo hijaly.

**nanafaka Azy tamin'ireo fanaintainan'ny fahafatesana**  
I Petera dia niresaka momban'ny fahafatesana tahaka ny hoe mamatotra ny olona amin'ny tadim-pijaliana. DH: "nanala Azy tamin'ny fijaliana izay naterakin'ny fahafatesana"

**sarotra ho Azy ny niala tamin'izany**  
"sarotra ho Azy ny niala tamin'izany." izany dia afaka hadika koa hoe: "ny fahafatesana dia tokony nangeja Azy"

## Acts 2:25

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto i Petera dia nilaza andalana izay nosoratan'i Davida ao amin'ny Salamo izay mampifandray ny famonona an'i Jesosy sy ny fitsanganany amin'ny maty.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Nanomboka tamin'ny nitenenenan'i Petera fa i Davida no niteny ireo teny momban'i Jesosy ireo dia ny teny hoe "izaho" sy "ahy" dia manambara an'Jesosy ary ireo teny hoe "Tomp"sy "Izy" dia manambara an'Andriamanitra.

**teo anoloako**  
"teo anoloako " DH: "teo anatrehako"na "niaraka tamiko"

**eto an-tanan-kavanako**  
Ny hoe "eto an-tanan-kavanako" matetika dia midika hoe eo amin'ny toerana izay sady afaka manampy no maharitra. DH: "eo akaikiko " na "miaraka amiko mba hanampy ahy"

**tsy tokony hangozohozo aho**  
Eto ny teny hoe "hangozohozo" dia midika hoe matahotra. DH: "ny olona dia tsy ho afaka ny hiteraka olana amiko" na "tsy misy hampikorontana ahy"

**faly ny foko ary niravoravo ny lelako**  
Ny olona dia mandray ny "fo" ho ivon'ireo fihetsem-po ary ny "lela" ny feon'ny fihetsem-po. DH: "Izaho dia faly sy ravo"

**ny nofoko hivelona amin'ny fahatokiana**  
Ireo mety ho dikany ny teny hoe "nofo" dia 1) Izy dia mety maty. DH: "na dia mety maty ary aho dia mahatoky an'Andriamanitra aho" na 2) "izaho dia miaina amin-pahatokiana miaraka ao amin'Andriamanitra"

## Acts 2:27

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nofaranan'i Petera ny filazana an'Davida

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Hatramin'y nilazan'iPetera fa i Davida no niteny ireo teny momban'i Jesosy ireo dia ny teny hoe: "ahy," "iray Masina," ary "izaho"dia maneho an'Jesosy sy ireo teniny "ianao"sy "anao" dia maneho an'Andriamanitra.

**ary tsy hamela ny Iray Masinao ho lo ianao**  
Ilay Messia, Jesosy, dia maneho ny tenany miaraka amin'ny teny hoe "Iray Masina." DH: "na ianao hamela ahy Iray Masinao ahita ny faharavana"



**ahita lo**

Eto ny teny "ahita" dia midika hoe niaina ireo zavatra. Ny teny "lo" dia maneho faharavan'ny vatana aorian'ny fahafatesana. DH: "ho lo"

**ireo lalan'ny fiainana**

Ireo lalana izay mitarika amin'ny fiainana

**hameno fifaliana ahy amin'ny endrikao**

Eto ny teny "endrika" dia maneho ny fanatrehan'Andriamanitra. DH: "tena faly rehefa mahita Anao" na "tena faly aho rehefa eo Ianao"

**Acts 2:29****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy ny teniny izay natombony tao amin'ny 1:15 tamin'ireo Jiosy nanodidina azy sy ireo mpino hafa tao Jerosalema i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 29 sy 30 ny teny "izy" dia maneho an'Davida.

**Rahalahy**

"namana Jiosy"

**efa maty izy no nalevina**

Azo hadika ko hoe: "maty izy ary nalevin'ireo olona"

**efa nanao fianianana taminy fa izay hateraky ny kibony no hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianany**  
 "Andriamanitra dia hametraka iray amin'ireo taranak'i Davida eo amin'ny seza fiandrianana" DH:  
 "Andriamanitra dia hametraka iray amin'ireo taranak'i Davida mba ho mpanjaka hisolo toerana an'Davida"

**Efa hitany izany**

"Efa fantany mialohan'ny hitrangany izany."  
 Nampiasa izany fiteny izany i Petera mba hiresahana ny fahafantarana mialoha tahaka ny hoe efa hita tany aloha izany.

**izy tsy navela tao amin'ny fiainan-tsy hita**

DH: "Andriamanitra dia tsy namela Azy any amin'ny fiainana tsy hita"

**Acts 2:32****Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "isika" dia maneho ireo mpianatra sy ireo izay nanatri-maso ny fitsanganan'i Jesosy taorian'ny fahafatesany.

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny faharoa "izany" dia maneho ireo mpino miteny amin'ny teny hafa rehefa avy nandray ny Fanahy Masina.

**Andriamanitra no nanangana Azy**

Eto ny teny hoe "nanangana" dia maneho ny fananganan'Andriamanitra an'Jesosy tamin'ny fahafatesana.

**nasandratry ny tanan'ankavanana'Andriamanitra**

"nantsangan'Andriamanitra tamin'ny tanany ankavanana i Jesosy"

**nasandratrin'ny tanan'ankavana**

Io dia maneho ny fanandratan'Andriamanitra an'i Jesosy ho eo amin'ny toeram-boninahitra sy fahefana

**efa narotsany izany**

ny teny hoe "narotsany" dia midika fa i Jesosy izay Andriamanitra no nampitranga ireny tranga ireny. Nanao izany Izy tamin'ny fanomezana ny Fanahy Masina hoan'ireo mpino. DH: "Izy no nanao ireo zavatra ireo hitranga"

**narotsany**

Eto ny teny "narotsany" dia midika hoe manome ampitiavana ary be dia be. DH: "nanoma be dia be." Jereo ny fomba nandikanao ny fehezanteny mitovy amin'io ao amin'ny 2:16

**Acts 2:34****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny teniny tamin'ireo Jiosy izay natombony tao amin'ny 1:15 i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

naka izay voalazan'ny Salamon'i Davida indray i Petera. Tsy niresaka momban'ny tenany i Davida tamin'io Salamo io.

**mandra-panaovako ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao**

Izany dia manambara fa Andriamanitra dia handresy an'ireo fahavaloin'ny Messia ary hanao azy ireo ho fitaovana. DH: "Mandra-panaovako anao ho mpandresy ambonin'ireo fahavalonao"

**ny tranon' Israely**

Io dia maneho ny firenena Israely manontolo .Azo hadika hoe: "ireo israelita rehetra"

**Acts 2:37****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo Jiosy dia namaly ny fitenenan'i Petera ary dia namaly azy ireo izy.

**Fampahanfantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia maneho ireo olona tao anaty vahoaka izay notenenin'i Petera.

**raha nandre izany izy ireo**

"Rehefa nandre izay nolazain'i Petera ireo olona"

**voatsindrona ny fon'izy ireo**

Azo hadika koa hoe: "Ny tenin'i Petera dia nanindrona ny fon'izy ireo"

**voatsindrona ny fon'izy ireo**

Izany dia midika fa nahatsiaro tena ho meloka ireo olona ary lasa nalahelo. DH: "sahiran-tsaina mafy"

**manaova batisa**

Azo hadika hoe : "avelao izahay hanap Batisa anareo"

**Fa ny fampanantenana dia ho anareo**

"Satria ny fampanantenana dia ho anareo"

**ireo rehetra izay lavitra**

Io dia midika hoe: 1) ireo olona rehetra izay tena alavitra 2) ireo olona rehetra izay lavitra an'Andriamanitra.

**Acts 2:40****Fampifandraisana ifoto-kevitra**

Ity no mamarana ny tantara izay nitranga tamin'ny andron'ny Pentekosta. Ny andininy faha 42 dia manokatra fizarana izay manazava ny fomba fiainan'ireo mpino taorian'ny Pentekosta.

**nijoroany ho vavolombelona sy nandrisihany azy ireo**

"Izy dia niteny sy nangataka tamin-pahamatorana azy ireo." Eto ny teny "nijoro vavolombelona" sy "nandrisika" dia mitovy ny hevitra tiany ambara ary manamafy izay nandrisihan'i Petera azy ireo mafy ny amin'ny hamaliana izay noteniny. DH: "Izy dia nandrisika mafy azy ireo"

**Vonjeo ny tenanao amin'ity taranaka ratsy fanahy ity**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia hanasazy "ity taranaka ratsy fanahy ity." DH: "Vonjeo ny tenananareo amin'ny fanasaziana izay hijalian'ireo olon-dratsy"

**izy ireo nandray ny teniny**

Eto ny teny "nandray" dia midika fa nanaiky izay nolazain'i Petera fa marina izy ireo. DH: "Nino izay nolazain'i Petera izy ireo."

**natao batisa**

Azo hadika hoe: "nataon'ny olona Batisa izy ireo"

**tokony fanahin'olona teo amin'ny telo arivo teo ho eo no nampiana tamin'io andro io**

Azo hadika koa hoe: "nanodidina ny telo arivo fanahy no nanomjy ireo mpino tamin'izany andro izany"

**nanodidina ny telo arivo fanahy**

eto ny teny "fanahy" dia manambara ireo olona. DH: "nanodidina ny telo arivo olona"

**ny fanampahana ny mofo**

Izany dia midika fa nifampizara sakafo ary nisakafo niaraka izy ireo.

**Acts 2:43****Tonga teny amin'ny fanahy rehetra ny tahotra**

Eto ny teny "tahotra" dia maneho ny fanajana lehibe sy hatalanjon'izy ireo amin'Andriamanitra. Ny teny "fanahy" dia maneho ny olona manontolo. DH: "ny olona tsirairay dia mahatsapa fanajana lalina sy hatalanjonana an'Andriamanitra"

**fahagagana sy famantarana maro no vita tamin'ny alalan'ny apostoly**

Ireto no mety ho diakany 1) "ireo Apostoly dia nanao fahagagana sy famantarana maro" na 2) Andriamanitra dia nanao fahagagana sy famantarana maro tamin'alalan'ireo Apostoly"

**Ireo rehetra nino dia niangona**

Ireo mety ho dikany 1) "Izy rehetra dia nino ilay zavatra mitovy" na 2) "" Ny rehetra izay dia niangona teo amin'ny toerana mitovy."

**nanana zavatra nitovy**

"nifampizara izay ananany tamin'ireo hafa"

**taniny sy ny fananany**

"tany sy izay zavatra nananan'izy ireo"

**nizara izany tamin'izy rehetra**

ny teny "izy rehetra" dia manambara ireo vola izay azon'izy ireo tamin'ny famarotana ireo tany sy fananan'izy ireo. DH: "nizara ireo tombony tamin'ny rehetra"

**arak'izay nilain'ny tsirairay avy**

nizara ireo tombony izay azon'izy ireo tamin'ny famarotana ny tany sy fananan'izy ireo hoan'ireo mpino izay mila izany.

**Acts 2:46****izy ireo dia nanohy ny tanjona iraisana**

Ireo mety ho dikany 1) "nanohy nanao fihaonana miaraka izy ireo" na 2) "nanohy ny fanana toetra mitovy izy ireo."

**nanapaka ny mofo tao an-trano**

Ireo mety handikana azy 1) "nizara ny sakafony sy nihara-nihinana tao an-tranon'izy ireo izy ireo" na 2) "niaraka nankalaza ny sakafon'ny Tompo tao an-tranon'izy ireo."

**tamin-pifaliana sy fo feno fanetren-tena**

eto ny teny "fanetre-tena" dia mety manambara hatsaram-panahy. Ny teny "fo" dia manambara ilay olona manontolo. DH: "amin-pifaliana sy hatsaram-panahy"

**nahazo fankasitrahana tamin'ny olona rehetra**

"ny olona rehetra dia niara nanaiky azy ireo"

**ireo izay voavonjy**

Azo hadika koa hoe: "Ireo izay novonjen'ny Tompo"



## Chapter 3

<sup>1</sup> Ary Petera sy i Jaona niakatra teny amin'ny tempoly tamin'ny oran'ny fivavahana, ny ora faha sivy. <sup>2</sup> Ary nisy lehilahy iray nalemy efa hatrany am-piterahana nentina isan'andro teny amin'ny Vavahady Tsaran'endriky ny tempoly, mba hangataka fanomezana ara-bola any amin'ireo olona izay mankeny amin'ny tempoly. <sup>3</sup> Rehefa nahita an'i Petera sy i Jaona izay handeha hiditra ny tempoly, dia nangataka fanomezana ara-bola tamin'izy ireo izy. <sup>4</sup> Nibanjina ny masony niaraka tamin'i Jaona i Petera dia niteny hoe: "Jereo izahay". <sup>5</sup> Ilay lehilahy malemy nijery azy ireo, nanantena ny handray zavatra avy any amin'izy ireo. <sup>6</sup> Nefa i Petera niteny hoe: "Volafotsy sy volamena no tsy ananako, nefa izay ananako, no homeko anao. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mandehana." <sup>7</sup> Nandray azy tamin'ny tanana havanana, i Petera nanangana azy, ary avy hatrany dia lasa natanjaka ny tongotr'ilay lehilahy sy ny kitrokeliny. <sup>8</sup> Nitsambikina, ilay lehilahy malemy dia nitsangana ka nanomboka nandeha; ary niaraka niditra tamin'i Petera sy i Jaona tao an-tempoly izy, nandeha, nitsambikina, ary nidira an'Andriamanitra. <sup>9</sup> Ny olona rehetra dia nahita azy nandeha sy nidira an'Andriamanitra. <sup>10</sup> Tsikaritr'izy ireo fa izy ilay lehilahy nangataka fanomezana ara-bola tamin'ireo olona teo amin'ilay Vavahady Tsaran'ny tempoly; ary tena gaga sy talanjona izy ireo noho ny zavatra nitranga taminy. <sup>11</sup> Ary noho izy nitazona an'i Petera sy Jaona, ny olona rehetra dia nirohatra nankeny amin'izy ireo teny amin'ny fialofana izay nantsoina hoe fialofan'i Solomona ny olona rehetra, ary tena talanjona. <sup>12</sup> Rehefa nahita izany i Petera dia namaly ny olona hoe: "Ianareo ry vahoakan'Israely, nahoana no talanjona ianareo? Nahoana ny masonareo no mandinika anay, ohatran'ny hoe herinay na fahamasinanay manokana no nampandeha azy? <sup>13</sup> Ny Andriamanitry Abrahama, sy an'Isaka, ary an'i Jakoba, ilay Andriamanitr'ireo raintsika, nanome voninahitra an'i Jesosy mpanompony. Izy ilay natolotrareo sy nolavinareo teo anoloan'i Pilato, tamin'izy nanapa-kevitra ny handefa azy. <sup>14</sup> Nolavinareo Ilay iray izay Masina sy Marina ary naleonareo nangataka ilay mpamono olona mba ho alefa ho anareo. <sup>15</sup> Novonoinareo ny Mpanorina ny fiainana, izay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty ary vavolombelon'izany izahay. <sup>16</sup> Ankehitriny, noho ny finoana amin'ny anarany ilay lehilahy izay hitanareo sy fantatrareo iny anarana iny ihany no nahatonga azy hahery. Ny finoana avy amin'i Jesosy no nanome izao fahasitranana feno izao ho azy eto anatrehanareo rehetra. <sup>17</sup> Ankehitriny, ry rahalahy, fantatro fa nanao izany ianareo noho ny tsy fahalalanareo, toy ny nataon'ireo mpitondra anareo ihany koa. <sup>18</sup> Fa ireo zavatra izay voalazan'Andriamanitra mialoha tamin'ny vavan'ireo mpaminany rehetra, hoe tokony hijaly ny Kristiny, fa efa tanterany ankehitriny. <sup>19</sup> Mibebaha, noho izany, ary miverena, mba ho voavono ny fahotananareo, mba ho tonga ny fotoana mahavelombelona eo anatrehan'ny Tompo; <sup>20</sup> ary mba handefa an'ilay Kristy izay voatendry ho anao izy, dia i Jesosy. <sup>21</sup> Izy ilay tsy maintsy ho raisin'ny Lanitra ambara-pahatongavan'ny ora famerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra, momban'izay nolazain'Andriamanitra fahiny tamin'ny vavan'ireo mpaminany masina. <sup>22</sup> Niteny tokoa i Mosesy hoe: 'Ny Tompo Andriamanitra dia hanangana mpaminany toa ahy avy amin'ireo rahalahinareo. Ianareo hihaino ny zava-drehetra izay ho lazainy aminareo. <sup>23</sup> Hitranga ny hoe izay olona rehetra tsy mihaino izany mpaminany izany dia ho ringanina tanteraka tsy ho ao amin'olona.' <sup>24</sup> Eny, ary ireo mpaminany rehetra nanomboka teo amin'i Samoela sy ireo izay tonga taoriany, dia niteny mafy sy nanambara ireo andro ireo. <sup>25</sup> Ianareo no zanak'ireo mpaminany sy ny fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'ireo razambe, araka ny nolazainy tamin'i Abrahama hoe: 'Ao amin'ny taranakao dia ho tahiana ireo fianakaviana rehetra eran-tany.' <sup>26</sup> Taorian'ny nananganan'Andriamanitra ny mpanompony, dia nandefa azy ho anareo aloha izy, mba hitahy anareo amin'ny fialanareo amin'ny faharatsianareo."

### Acts 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

indray andro nandeha tany amin'ny tempoly i Jaona sy Petera.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

ny andininy faha 2 dia manome fampahafantarana momban'ilay lehilahy nalemy.

#### teny amin'ny tempoly

Izy ireo dia tsy niditra tao amin'ny tempoly izay natokana hoan' ireo mpisorona ihany. DH: "teo antokontanin'ny tempoly"na "teo amin'ny faritrin'ny tempoly"

#### nisy lehilahy iray nalemy efa hatrany am-piterahana nentina isan'andro

Azo hadika koa io hoe: "Isan'andro dia nisy lehilahy iray nalemy hatrany am-piterahana ary nolajan'ny olona"

**nalemy**  
tsy afaka nandeha

**ny vavahadin'ny tempoly izay nantsoina hoe Itsaraendrika**  
Azo hadika koa hoe: "Ilay vavahadin'ny tempoly izay nantsoin'ny olona hoe Itsaraendrika"

### Acts 3:4

**I Petera, nibanjina ny masonry, niaraka tamin'i Jaona, dia niteny hoe**  
i Petera sy Jaona dia samy nijery tany amin'ilay lehilahy fa i Petera ihany no niteny.

**nibanjina ny mason'izy ireo**  
Ireo mety ho dikany 1) "nijery nivantana tany aminy" na 2) "nijery tsara azy"

**nijery azy ireo Ilay lehilahy malemy**  
ny teny hoe "nijery" teto dia midika hoe nifantoka amin'ny zavatra iray. DH: "ilay lehilahy malemy dia nanara-maso azy ireo akaiky"

**Volafotsy sy volamena**  
Ireo teny ireo dia manambara vola.

**izay ananako**  
Eto dia fantatra fa i Petera dia manana fahafahana manasitrana ilay lehilahy

**Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy**  
ny teny "anarana" eto dia maneho ny hery sy fahefana. DH: "miaraka amin'ny fahefan'i Jesosy Kristy"

### Acts 3:7

**niditra tamin'i Petera sy i Jaona tao an-tempoly izy**  
Izy dia tsy niditra tao anatin'ny tempoly izay natokana hoan'ireo mpisorona ihany. DH: "Izy dia niditra ... ny faritrin'ny tempoly" na "izy dia niditra ... tao an-tokontanin'ny tempoly"

### Acts 3:9

**Tsikaritr'izy ireo fa izy ilay lehilahy**  
"nahafantatra fa izy ilay lehilahy" na "nahafantatra azy ho toy ilay lehilahy"

**Itsaraendrika**  
Io no anarana nomena ny fidirana mankao amin'ny faritrin'ny tempoly

**feno hagagana sy hatalanjonana izy ireo**  
ny teny "hagagana" sy "hatalanjonana" eto dia mitovy ny heviny ary manamafy ny fahatalanjonan'ireo olona. DH: "izy ireo dia tena talanjona tokoa"

### Acts 3:11

**fFampifandraisana ny foto-kevitra**  
Taorian'ny nanasitranan'i Petera ilay lehilahy izay tsy afaka nandeha dia niresaka tamin'ireo olona izy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny fehezanteny "teny amin'ny fialofana izay nantsoina hoe fialofan'i Solomona" dia manazava fa tsy tao anatin'ny tempoly izay natokana hoan'ireo mpisorona ihany izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny "izahay" sy "isika" dia manambara an'i Petera sy Jaona fa tsy vahoaka izay niresahan'i Petera.

**Nahoana ny masonareo no mandinika anay, ohatran'ny hoe herinay na fahamasinanay manokana**  
Nametraka io fanontaniana io Petera mba hanamafisany fa tsy tokony hieritreritra ireo olona fa herin'izy sy Jaona no nahasitrana ilay lehilahy. Azo atao fehezanteny roa koa io: "Aza izahay no jerena. Tsy ny hery sy fahefanay manokana na ny fahamasinanay no nampandeha azy"

### Acts 3:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nanohy ny teniny izay natombony tao amin'ny 3:11 tamin'ireo Jiosy i Petera.

**ilay natolotrareo**  
"ilay natolotrareo an'i Pilato" na "izay nomenareo an'i Pilato"

**tamin'izy nanapa-kevitra ny handefa azy**  
"rehefa nanapa-kevitra ny hamela an'Jesosy i Pilato"

**ilay mpamono olona ho voavela ho anareo**  
Azo hadika koa hoe: "Fa i Pilato hamelana ilay mpamono olona"

### Acts 3:15

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny "izahay" dia miresaka an'i Petera sy Jaona.

**Printsin'ny fiainana**  
Izany dia manambara an'i Jesosy. ireo mety ho dikany 1) "ilay iray izay manome ny olona fiainana mandrakizay" na 2) "ny mpanapaka ny fiainana."

**Printsy**  
"Kapiteny" na "mpanorina"

**Ankehitriny**  
Ny teny "ankehitriny" dia misarika ny sain'ny mpihaino hoany amin'ilay lehilahy malemy.

**noho ny finoana amin'ny anarany**

Ny teny "anarany" eto dia maneho an'i Jesosy. Ireo mety handikana azy 1) "satria io lehilahy io dia nino an'i Jesosy" na 2) "satria izaho sy i Jaona dia nino an'i Jesosy"

**nahatonga azy ho mahery**  
naha sitrana azy

**Acts 3:17****Ankehitriny**

Eto i Petera dia misarika ny sain'ireo mpihaino avy any amin'ilay lehilahy malemy ary nanohy niresaka tamin'izy ireo mivantana.

**nanao izany ianareo noho ny tsy fahalalanareo**

Ireo mety ho dikany 1) fa ny olona dia tsy nahafantatra fa i Jesosy dia ilay Messia na 2) fa ny olona dia tsy nahazo ny dikan'izay zavatra ataony

**oalazan'Andriamanitra mialoha tamin'ny vavan'ireo mpaminany rehetra**

Rehefa niteny ireo mpaminany dia Andriamanitra tenany ihany no niteny satria efa niteny azy ireo izay tokony ho lazaina Izy. DH: "Andriamanitra dia nanambara mialoha tamin'ireo mpaminany izay zavatra ho lazaina"

**ny vavan'ireo mpaminany rehetra**

Eto ny teny "vava" dia maneho ireo teny izay nolazaina na nosoratan'ireo mpaminany"

**Acts 3:19****Mibebaha, noho izany, ary miverena**

Ny teny "mibebaha" sy "miverena" dia manambara ny fanovana ny fomba fisainana, ary fanalavirana ny ota ka hitodika amin'Andriamanitra.

**mba ho voavono ny fahotananareo**

Azo hadika koa hoe: "mba hamonon'Andriamanitra ny otanareo"

**ny fotoana mahavelombelona eo anatrehan'ny Tompo**

Ireo mety handikana azy 1) "fotoana hanamafisan'Andriamanitra ny fanahintsika"na 2) "fotoana hameloman'Andriamanitra anareo indray"

**mba handefa an'i Kristy**

"mba mety handefasany an'i Kristy indray."Izany dia maneho ny fiverenan'i Kristy indray.

**izay voatendry ho anareo**

Azo hadika koa hoe: "izay notendreny ho anareo"

**Acts 3:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy ny teny izay natombony tao amin'ny 3:11 tamin'ireo Jiosy izay nitsangana teo amin'ny faritrin'ny tempoly i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 22-23 i Petera dia nilaza zavatra izay efanolazain'i Mosesy mialohan'ny natongavan'ny Messia.

**Izy ilay tsy maintsy ho raisin'ny Lanitra**

"Izy ilay itokana tsy maintsy ho raisin'ny lanitra." I Petera dia niresaka momban'ny lanitra tahaka ny olona izay nandray an'i Jesosy tao an-tranony.

**tsy maintsy ho raisin'ny Lanitra**

Io dia midika fa i Jesosy dia mila mijanona any andanitra satria izany no lahatr'Andriamanitra.

**mandra-pahatongavan'ny ora fimerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra**

Azo hadika koa hoe: "mandra-patongan'ny fotoana hanatanterahan'Andriamanitra ny zavatra rehetra izay nolazainy mialoha."

**momban'izay nolazain'Andriamanitra fahiny tamin'ny vavan'ireo mpaminany masina**

Rehefa niteny ireo mpaminany tany aloha dia tahaka ny Andriamanitra tenany no niteny satria izy no niteny azy ireo izay tokony ho lazaina. DH: "momban'ireo zavatra nolazain'Andriamanitra taloha ela be ny hoe ny mpaminaniny masina no hiteny momba azy ireo"

**ny vavan'ireo mpaminany masina**

Eto ny teny hoe "vava" dia maneho ireo teny izay nolazaina sy nosoratan'ireo mpaminany. DH : "ireo tenin'ny mpaminaniny masina"

**hanangana mpaminany**

"hanondro mpaminany iray"

**izany mpaminany izany dia ho ringanina tanteraka**

Azo hadika koa hoe: "Izany mpaminany izany dia ho potehin'Andriamanitra tanteraka."

**Acts 3:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny teniny tamin'ireo Jiosy izay natombony tao amin'ny 3:11

**Eny, ary ireo mpaminany rehetra**

Eto ny teny hoe "Eny" dia manamafy izay manaraka azy.

**nanomboka teo amin'i Samoela sy ireo izay tonga taoriany**

"niantomboka tamin'i Samoely ary notohizan'ireo mpaminany izay niaina taty aorinany"

**ireo andro ireo**

Azo hadika koa hoe: "ireo zavatra izay hitranga izao"

**Ianareo no zanak'ireo mpaminany sy ny fanekena**

Eto ny teny hoe "zanaka" dia maneho ireo mpandova izay handray ireo mpaminany sy ilay

fifanekena nampanantenaina. DH: "Ianareo no mpandovan'ireo mpaminany sy mpandova ny fifanekena"

**Ao amin'ny taranakareo**  
"Noho ireo zanakareo"

**ho tahiana ireo fianakaviana rehetra eran-tany**  
Eto ny teny hoe "fianakaviana" dia manambara ireo vondron'olona na ireo firenena. Azo hadika koa hoe:  
"Ho tahiko ny olona rehetra eto an-tany"

**Taorian'ny nananganan'Andriamanitra ny mpanompony**  
"Taorian'ny nampisehoan'Andriamanitra ny mpanompony" na "Taorian'ny nanomezan'Andriamanitra fahefana ny mpanompony"

**ny mpanompony**  
Io dia manambara an'ilay Messia, Jesosy.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Raha niresaka tamin'ireo vahoaka i Petera sy Jaona, dia tonga ireo mpisorona sy ny lehiben'ny mpiambina ny tempoly ary ireo Sadoso. <sup>2</sup> Tezitra mafy izy ireo noho i Petera sy Jaona nampianatra ny vahoaka sy nitory ny fitsanganana amin'ny maty tamin'ny alalan'i Jesosy. <sup>3</sup> Nosamborina izy ireo ary natao tany am-ponja mandrapahatongan'ny maraina, satria efa hariva ny andro tamin'izany. <sup>4</sup> Kanefa maro tamin'ireo olona izay nandre ny hafatra no nino; ary ny isan'ireo lehilahy izay nino dia dimy arivo teo ho eo. <sup>5</sup> Ary nony ampitson'iny dia niangona tao Jerosalema ny mpanapak'izy ireo, zokiolona ary ireo mpanora-dalàna. <sup>6</sup> Teo i Anasy mpisoronabe, Kaiafa, Jaona, sy Aleksandro sy izay rehetra havan'ireo mpisoronabe. <sup>7</sup> Nony naroso teo afovoany i Petera sy Jaona, dia nanontany azy ireo hoe: "Amin'ny hery inona, na amin'ny anarana inona, no nanaovanareo izany?" <sup>8</sup> Avy eo i Petera, feno ny Fanahy Masina, dia niteny azy ireo hoe: "Ianao ry mpanapaka ny vahoaka, sy ny loholona, <sup>9</sup> raha nanontaniana momban'ny asa soa nataonay tamin'io lehilahy narary io izahay tamin'io andro io tamin'ny fomba ahoana no nahasitrana io lehilahy io?" <sup>10</sup> Dia aoka ho fantatrareo rehetra ary ny vahoakan'Israely rehetra, fa tamin'ny anaran'ny Jesosy Kristy avy any Nazareta, izay nohombohanareo, ilay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty tamin'ny alalany no ijoroan'ity lehilahy ity salama eto imasonareo." <sup>11</sup> Jesosy Kristy dia vato izay nataonareo mpanori-trano tsinontsinona kanefa efa natao ho lohan'ny vato fehizoro. <sup>12</sup> Ary tsy misy famonjena avy amin'ny hafa, fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomen'ny olona izay tsy maintsy hahavonjy antsika". <sup>13</sup> Ary rehefa nahita ny fahasahian'i Petera sy Jaona izy ireo, ary nahatsapa fa olon-tsotra, olona tsy nandia fianarana, dia talanjona izy ireo, nahafantatra fa niaraka tamin'i Jesosy i Petera sy Jaona. <sup>14</sup> Satria izy ireo nahita ilay lehilahy izay sitrana nijoro niaraka tamin'izy ireo, ka tsy nahita ambara hanoharana izany izy ireo. <sup>15</sup> Fa rehefa avy nandidy ireo apostoly handao ny fivorian'ny filan-kevitra izy ireo, dia nifampiresaka izy ireo. <sup>16</sup> Hoy izy ireo hoe: "Inona no tokony ho atao amin'ireto lehilahy ireto? Noho ny fahagagana vita tamin'ny alalan'izy ireo dia fantatr'ireo olona rehetra mipetraka eto Jerosalema, ary tsy azontsika lavina. <sup>17</sup> Fa mba tsy hiparitahan'izany amin'ny vahoaka kosa, dia handao isika hampitandrina azy ireo mba tsy hitenenan'izy ireo izany anarana izany intsony. <sup>18</sup> Nantsoiny hiditra i Petera sy Jaona ary noteneniny izy ireo tsy hiteny sy tsy hampianatra amin'ny anaran'i Jesosy intsony. <sup>19</sup> Kanefa namaly azy ireo kosa i Petera sy Jaona niteny hoe: "Raha marina eo imason'Andriamanitra ny manaiky anareo mihoatra Azy, dia ianareo no mitsara. <sup>20</sup> Tsy afaka ny hijanona tsy hiteny momba ireo zavatra hitanay sy renay izahay." <sup>21</sup> Taorian'ny fampitandremana an'i Petera sy Jaona, dia navelany nandeha izy ireo. Fa tsy nahita fomba hanasaziana azy ireo izy ireo, satria nidera an'Andriamanitra ireo vahoaka noho ny zava-bitany. <sup>22</sup> Ilay lehilahy izay niaina ny fahagagana sy fanasitrana dia nihoatra ny efa-polo taona. <sup>23</sup> Taorian'ny nanafahana azy ireo, dia tonga teo amin'ny vahoakany i Petera sy Jaona ary notateriny azy ireo izay rehetra notenenin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholona tamin'izy ireo. <sup>24</sup> Rehefa henon'izy ireo izany, dia niara-nanandratra ny feon'izy ireo ho an'Andriamanitra izy ireo ka niteny hoe: "Tampo, ianao no nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina, ary izay rehetra ao aminy. <sup>25</sup> Niteny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina tamin'ny vavan'ny mpanomponao, ny raintsika Davida Ianao hoe: 'Nahoana no tezitra ireo firenena Jentilisa, sy ireo olona mieritreritra zavatra tsy misy ilana azy?' <sup>26</sup> Ianareo miteny hoe: Ireo Mpanjakan'ny tany dia nitambatra, ary ireo mpanapaka dia nivondrona hanohitra ny Tompo, sy hanohitra ny Kristiny." <sup>27</sup> Fa efa i Heroda sy Pontsy Pilaty, izay niaraka tamin'ireo jentilisa sy ireo vahoakan'i Israely, no niara-niangona tao an-tanàna hanohitra an'i Jesosy mpanomponareo, izay nosoranareo. <sup>28</sup> Niara-nivory izy ireo mba hanao izay rehetra nataon'ny tananareo sy ireo drafitrareo izay efa notapahin'izy ireo ho atao mialoha. <sup>29</sup> Ankehitriny, Tompo, jereo ireo fampitandreman'izy ireo ary omeo ireo mpanomponao mba hitenenany ny teninao an-kasahiana tanteraka. <sup>30</sup> Ahinjiro ny tananao mba hanasitrana, ary hanome ireo famantarana sy fahagagana amin'ny alalan'ny anaran'i Jesosy mpanomponao masina." <sup>31</sup> Rehefa avy nivavaka izy ireo, dia nihozongozona ny toerana izay niarahan'izy ireo nivory, ary feno ny Fanahy Masina izy ireo rehetra ary nilaza ny tenin'Andriamanitra an-kasahiana. <sup>32</sup> Ny ankabeazan'ireo izay nino dia fo sy fanahy iray. Tsy nisy niteny fa ny zavatra izay azony dia azy manokana, fa zavatra niarahan'izy ireo nanana. <sup>33</sup> Niaraka tamin'ny hery lehibe no nanambaran'ny apostoly ny fijoroan'izy ireo vavolombelona momba ny fitsanganana'i Jesosy Tompo tamin'ny maty, ary fahasoavana lehibe no teo amin'ny izy ireo. <sup>34</sup> Tsy nisy olona nanan-java maha-ory teo amin'izy ireo, fa izay rehetra nanana tany na trano dia namidy ary nitondra ny volan'ny zavatra rehetra izay lafo. <sup>35</sup> ary napetraka teo an-tongotr'ireo apostoly, ary nozaraina tamin'ny olona tsirairay arak'izay ilain'izy ireo. <sup>36</sup> Josefa, Levita iray, lehilahy avy any Sipra izay nantsoin'ireo apostoly hoe Barnabasy (izay midika hoe Zanaka lahin'ny Fampaherezana), <sup>37</sup> nivarotra tany sy nitondra ny vola ary nametraka azy teo an-tongotr'ireo apostoly.



**Acts 4:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo mpitarika religiozy dia nisambotra an'i Petera sy Jaona taorian'ny nanasitrana'izy reo ilay lehilahy izay nalemy hatrany am-piterahana.

**Tezitra mafy izy ireo**

"Indrindra ireo Sadoseo izay tezitra momban'izay nolazain'i Petera sy Jaona satria izy ireo dia tsy mino ny fitsanganana amin'ny maty.

**nitory ny fitsanganana amin'ny maty tamin'ny alalan'i Jesos**

I Petera sy Jaona dia niteny fa Andriamanitra dia hampitsangana ny olona amin'ny fahafatesana tahaka ny nananganany an'Jesosy Kristy tamin'ny maty'

**Nosamborina izy ireo**

"Ireo mpisorona sy ny kapitenin'ny tempoly ary ireo Sadoseo no nisambotra an'i Petera sy Jaona"

**mandrapahatongan'ny maraina**

araka ny fomba dia tsy azo natao ny nametraka fanontaniana olona mandritran'ny alina.

**ny isan'ireo lehilahy izay nino**

Izany dia maneho fa lehilahy ihany ary tsy nisy isan'ny zaza aman-behivavy nino.

**dimy arivo teo ho eo**

"nitombo ho manodidina ny dimy arivo"

**Acts 4:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanontany an'i Paoly sy Jaona ilay mpanapaka ary dia novalin'izy ireo tsy amim-patahorana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" etoo dia manondro ireo olona Jiosy iray manontolo.

**mpanapak'izy ireo, zokiolona ary ireo mpanora-dalàna.**

Izany dia manondro ny Fitsarana Avo, ny fitsarana Jiosy, izay ahitana ireo vondrona telo ireo.

**Jaona, sy Aleksandro**

Ireo lehilahy roa ireo dia fianakavian'ny mpisoronabe. Tsy tahaka an'i Jaona amin'ny maha Apostoly azy.

**Amin'ny hery inona**

"iza no nanome ilay hery"

**amin'ny anarana inona**

Eto ny "anarana" dia manambara fahefana. DH: "Tamin'ny fahefana inona"

**Acts 4:8****Avy eo i Petera, feno ny Fanahy Masina**

Azo hadika koa hoe: "Ny Fanahy Masina dia nameno an'i Petera sy izy"

**raha nanontaniana momban'ny asa soa nataonay tamin'io lehilahy narary io izahay tamin'io andro io tamin'ny fomba ahoana no nahasitrana io lehilahy io?**  
Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hampazava ny tena antony hitsarana azy ireo. DH: "raha nanontaniana momban'ny asa soa nataonay tamin'io lehilahy narary io izahay tamin'io andro io tamin'ny fomba ahoana no nahasitrana io lehilahy io

**Acts 4:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Petera dia nanatanteraka ny teniny izay natombony tao amin'ny 4:8 tamin'ireo mpanapaka religiozy Jiosy.

**Jesosy Kristy dia vato izay nataonareo mpanori-trano tsinontsinona kanefa efa natao ho lohan'ny vato fehizoro**  
I Petera dia nilaza ny tao amin'ny Salamo. Io dia sarinteny izay maneho fa ireo mpitarika religiozy dia tia manangana sy mandà an'i Jesosy fa Andriamanitra dia hanao Azy ho manan-danja indrindra ao amin'ny fanjakany tahaka ny maha zava-dehibe ny vato fehizoro amin'ny trano.

**loha**

Ny teny hoe "loha" eto dia midika hoe "manan-danja"

**nataonareo mpanori-trano tsinontsinona**

"tsy nasianareo mpanori-trano vidiny

**tsy misy famonjena avy amin'ny hafa**

DH: "Izy irery ihany no olona afaka hamonjy"

**tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomen'ny olona**

Azo hadika koa hoe: "tsy misy anarana ambanin'ny lanitra nomen'Andriamanitra teo anivon'ny olombelona.

**ambanin'ny lanitra**

DH: "eran'izao tontolo izao"

**izay tsy maintsy hahavonjy antsika**

DH: "Izay afaka hamonjy antsika"

**Acts 4:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manambara an'i Petera sy Jaona. Ary mety manambara ireo mpitarika Jiosy ihany koa.

**nahatsapa fa olon-tsotra, olona tsy nandia fianarana**  
 "nahatsapa" izany ireo mpitarika Jiosy ireo satria hitan'izy ireo tamin'ny fomba firesak'i Petera sy Jaona.

**olon-tsotra, olona tsy nandia fianarana**  
 Ireo teny ireo roa ireo dia manana dikany mitovy ary manamafy ny fa i Petera sy Jaona dia tsy nahazo fampiofanana tamin'ny lalàna Jiosy.

**ilay lehilahy izay sitrana**  
 DH: "ilay lehilahy izay nositrarin'i Jaona sy Petera"

## Acts 4:15

**ireo apostoly**  
 Io dia manambara an/ i Petera sy Jaona.

**Inona no tokony ho atao amin'ireto lehilahy ireto?**  
 Ireo mpitarika Jiosy dia nametraka io fanontaniana io tamin-patahorana satria tsy azon'izy ireo ant-saina izay hanaovana an'i Petera sy Jaona. DH: "Tsy misy zavatra azontsika atao amin'ireo lehilahy ireo!"

**Noho ny fahagagana vita tamin'ny alalan'izy ireo dia fantatr'ireo olona rehetra mipetraka eto Jerosalema**  
 DH: "Fa ny rehetra izay mipetraka tao Jerosalema dia nafantatra fa izy ireo dia nahavita fahagagana niavaka"

**olona rehetra mipetraka eto Jerosalema**  
 Io dia mety ho fanatavian-dresaka. DH: "saika ny olona rehetra izay nipetraka tao Jerosalema"

**Fa mba tsy hiparitahan'izany**  
 Eto ny teny hoe; "izany" dia maneho ny fahagagana na fampianarana izay mety ho tohizan'i Petera sy Jaona ho atao. DH: "mba tsy hisy olona handre izany fahagagana izany intsony" "mba tsy hiparitaka lavitra izany vaovao mahakasika izany fahagagana izany"

**tsy hitenenan'izy ireo izany anarana izany intsony**  
 Eto ny teny hoe "anarana" dia maneho an'i Jesosy. DH: "tsy hiteny an'iza na iza momban'i Jesosy"

## Acts 4:19

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny hoe "izahay" dia maneho an'i Petera sy Jaona fa tsy ireo izay noresahiny.

**Raha marina eo imason'Andriamanitra**  
 Eto ny fehezanteny "Raha marina eo imason'Andriamanitra" "Raha marina eo imason'Andriamanitra" dia manambara ny hevitr'Andriamanitra. DH: "Raha mieritreritra Andriamanitra fa marina izany"

**Tsy afaka ny hijanona tsy hiteny**  
 "isika dia mila manohy miteny" na "tsy afaka hitsahatra ny tsy hiteny isika"

## Acts 4:21

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ny andininy faha 22 dia manome fampahafantarana mahakasika ny taonan'ilay lehilahy nalemy izay sitrana

**Taorian'ny fampitandremana**  
 Ireo mpitarika Jiosy dia nandrahona ny hanasazy an'i Petera sy Jaona.

**Fa tsy nahita fomba hanasaziana azy ireo izy ireo**  
 na dia nandrahona an'i Petera sy Jaona ary ireo mpitarika Jiosy dia tsy nahita antony hanasaziana azy ireo noho ny tahotrin'ny korontana hoataon'ny vahoaka.

**noho ny zava-bitany**  
 DH: "noho ireo zava-bitan'i Petera sy Jaona"

**Ilay lehilahy izay niaina ny fahagagan'ny fanasitranana**  
 "Ilay lehilahy nositrarin'i Petera sy Jaona"

## Acts 4:23

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Raha niresaka niaharaka ireo olona dia nilaza izay voalazan'ny Salamon'i Davida tao amin'ny Testamenta Taloha.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia manambara ny ambony ireo mpino fa tsy i Petera sy Jaona.

**tonga teo amin'ny vahoakany**  
 Ny teny hoe "vahoakany" dia manambara ny ambon'ireo mpino. DH: "nankany amin'ireo mpino hafa"

**Niteny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina tamin'ny vavan'ny mpanomponao, ny raintsika Davida ianao hoe**  
 Io dia manambara fa ny Fanahy Masina no nanosika an'i Davida hiteny na hanoratra izay nolazain'Andriamanitra.

**tamin'ny vavan'ny mpanomponao, ny raintsika Davida**  
 Eto ny teny hoe "vava" dia manambara ireo teny izay nolazaina na nosoratan'i Davida. DH: "tamin'ireo tenin'ny raintsika Davida"

**Nahoana no tezitra ireo firenena Jentilisa, sy ireo olona mieritreritra zavatra tsy misy ilana azy?**  
 Izany dia manamafy ny maha zava-poana ny fanoerana an'Andriamanitra. DH: "Ireo firenena Jentilisa dia tsy tokony ho tezitra ary ireo olona dia tsy tokony nieritreritra zavatra tsy misy ilana azy"

**ireo olona mieritreritra zavatra tsy misy ilana azy**  
 Ireo " zavatra tsy misy ilana azy" dia miresaka ireo tetika manohitra Andriamanitra. DH: "Ireo olona dia mieritreritra zavatra tsy misy ilana azy hanoherana an'Andriamanitra.

**ireo olona**  
"vondron'olona"na "foko"

#### Acts 4:26

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo mpino dia nameno ireo zavatra nambaran'ny Davida Mpanjaka tao amin'ny Salamo izay natombok'izy ireo tao amin'ny 4:23.

##### **Ireo Mpanjakan'ny tany dia nitambatra, ary ireo mpanapaka dia nivondrona hanohitra ny Tompo**

Ireo an-dalana roa ireo raha ny marina dia zavatra mitovy ihany. Ireo an-dalana roa ireo dia manamafy ny fitambaran'ny ezakin'ny mpanapakany tany mba hanoharana an'Andriamanitra.

##### **nitambatra ... nivondrona**

Io dia manambara fa nanambatra ny tafika izy ireo hiady. DH: "nanambatra ny tafiny izy ireo ... nanangona ny token'izy ireo."

##### **hanohitra ny Tompo, sy hanohitra ny Kristiny**

Eto ny teny hoe "Tomo" dia manambara an'Andriamanitra'. Ao amn'ny Salamo ny teny hoe "Kristy" dia manambara an' Messia na ilay tokana voahosotr'Andriamanitra.

#### Acts 4:27

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy nivavaka ireo mpino.

##### **tao an-tanàna**

"tao an-tanàna" tanànan'i Jerosalema.

##### **mpanomponareo masina**

"i Jesosy izay nanompo anao amin-pahatokiana"

##### **hanao izay rehetra tapakin'ny tanana sy fanirianareo**

Ny teny hoe "tanana" eto dia manambara ny herin'Andriamanitra. Fanampin'izany, ny fehezanteny hoe : " hanao izay rehetra tapakin'ny tanana sy fanirianareo"dia mampiseho ny herin'Andriamanitra sy ny fikasany. DH: "hanao izay rehetra tapakareo satria Ianao dia mahery ary efa nanantateraka izay rehetra nokainao"

#### Acts 4:29

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo mpino dia namita ny vavak'izy ireo izay niatomboka tao amin'ny 4:23.

##### **jereo ireo fampitandreman'izy ireo**

Ny teny hoe "jereo" eto dia fangatahana amin'Andriamanitra mba hijery ny fomba fandrahonana'ireo mpitarika Jiosy an'ireo mpino. DH: "jereo ny fomba nandrahonany hanasazy anay"

##### **Ahinjiro ny tananao mba hanasitrana**

Ny teny hoe "tanana" eto dia manambara ny herin'Andriamanitra. Io dia fangarahana

amin'Andriamanitra mba hampiseho ny mampahery azy. DH: "nandritran'ny nampisehonao ny herinao tamin'ny fanasitrana olona"

##### **amin'ny alalan'ny anaran'i Jesosy mpanomponao masina**

ny teny hoe "anarana" eto dia maneho dia hery sy fahefana. DH: "tamin'ny alalan'ny herin'ny Jesosy mpanomponao masina"

##### **Jesosy mpanomponao masina**

"I Jesosy izay nanompo anao tamin-pahatokiana." Jereo ny nandikanao azy tao amin'ny 4:27.

#### Acts 4:32

##### **dia fo sy fanahy iray**

Ny teny hoe "fo" eto dia midika ireo eritreritra ary ny teny hoe "fanahy" dia maneho ireo fihetsem-po. Ny fitambaran'izy ireo dia maneho ny maha olona. DH: " nitovy eritreritra ary nitady zavatra iray iombonana"

##### **niarahan'izy ireo nanana**

"Nifampizara izay nananany tamin'ny hafa."

##### **fahasoavana lehibe no teo amin'ny izy rehetra**

DH: " fa Andriamanitra dia nanome fahasoavana lehibe hoan'ireo mpino"

#### Acts 4:34

##### **nanana tany na trano misoratra aminy**

Io fehezanteny io dia midika fa izy ireo dia raki-tsoratra manamarina mampiseho fa izy ireo dia manana tany sy trano.

##### **napetraka teo an-tongotr'ireo apostoly**

DH: "nanolotra izany teo amin'ireo Apostoly" na "nampiseho izany tamin'ireo Apostoly"

##### **nozaraina tamin'ny olona tsirairay arak'izay ilain'izy ireo**

DH: "nizara ny vola isak'ireo mpino izay nila izany izy ireo "

#### Acts 4:36

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nampiditra an'i Barnabasy ao amin'ny tantara i Lioka.

##### **Josefa, Levita iray, lehilahy avy any Sipra izay nantsoin'ireo apostoly hoe Barnabe**

DH: "Nomen'ireo Apostoly ... anarana hoe Barnabasy i Josefa"

##### **Zanaka lahin'ny Fampaherezana**

Nampiasa izany iireo Apostoly mba nampisehoana fa i Josefa dia olona izay mpankahery ny hafa. DH: "olona izay mankahery foana ny hafa"

##### **nametraka azy teo an-tongotr'ireo apostoly**

DH: "nampiseho izany tamin'ireo Apostoly"na "nanome izany tamin'ireo Apostoly"



## Chapter 5

<sup>1</sup> Fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Ananiasy, niaraka tamin'i Safira vadiny, nivarotra anjara tany, <sup>2</sup> ary notazominy ny sasany tamin'ireo vola vidiny (ny vadiny ihany koa nahalala izany), ary nitondra ny ampahany hafa tamin'izany ary nametraka azy teo an-tongotr'ireo apostoly. <sup>3</sup> Fa Petera niteny hoe: "Ananiasy, nahoana no nofenoin'i Satana lainga ny fonao handainga amin'ny Fanahy Masina, sy hitazona ny ampahany tamin'ilay vidin-tany? <sup>4</sup> Raha mbola tsy lafo izany, tsy nijanona ho fanananao manokana ve izany, ary rehefa lafo izany, tsy teo amin'ny fahefanao ve izany? Ahoana no nieritreretanao izany zavatra izany tao amin'ny fonao? Tsy nandainga tamin'ny olona ianao, fa tamin'Andriamanitra." <sup>5</sup> Nony nandre ireo teny ireo, dia lavo tamin'ny tany Ananiasy ka afaka ny ainy, ary tahotra lehibe no tonga tamin'izay rehetra naheno izany. <sup>6</sup> Ary ireo tovolahy dia niroso ka namono lamba azy, ka nentin'izy ireo nivoaka izy ary nalevina. <sup>7</sup> Taorian'ny ora telo teo ho eo, dia niditra ny vadiny, mbola tsy nahafantatra izay nitranga. <sup>8</sup> Petera niteny taminy hoe: "Lazao ahy raha izany no namarotanareo ilay tany." dia hoy izy: "Eny, noho izany." <sup>9</sup> Avy eo i Petera niteny azy hoe: "Nahoana ianareo no nanaiky hiara-hitsapa ny Fanahin'ny Tompo? Indro, ireo tongotr'ireo olona izay nandevina ny vadinao dia eo am-baravarana, ary hamoaka anao izy ireo. <sup>10</sup> Ary lavo teo noho eo teo amin'ny tongony izy ary afaka ny ainy. Rehefa niditra tao ireo tovolahy, dia nahita azy maty, ka nitondra azy nivoaka sy nandevina azy teo anilan'ny vadiny. <sup>11</sup> Raiki-tahotra ny fiangonana manontolo, sy ireo rehetra izay nandre izany zavatra izany. <sup>12</sup> Famantarana sy fahagagana maro no niseho tamin'ireo vahoaka tamin'ny alalan'ny tanan'ireo Apostoly. Niaraka teo amin'ny fialofan'i Salomona izy ireo. <sup>13</sup> Fa tsy nisy olona hafa nanana fahasahiana hiaraka amin'izy ireo; kanefa, ny vahoaka dia nanandratra fankasitrahana avo azy ireo. <sup>14</sup> Ary vao maika nihamaro ireo mpino izay nanampy isa ny Tompo, andian-dehilahy sy vehivavy, <sup>15</sup> ka nentin'izy ireo teny an-dalana hatramin'ny ny marary ary nampandrin'izy ireo teo ambony fandriana sy farafara, ka mba rehefa mandalo i Petera, dia mety mba hanaloka ny sasany amin'izy ireo ny alokany. <sup>16</sup> Teo ihany koa dia maro ny vahoaka no niara-tonga avy ao amin'ireo tanàna manodidina an'ny Jerosalema, nitondra ny marary sy ireo izay nampahorian'ny fanahy maloto, ary dia sitrana izy rehetra. <sup>17</sup> Fa nitsangana ny mpisoronabe, sy ireo izay niaraka taminy (izay sekta an'ireo Sadoseo); ary dia feno fialonana izy ireo <sup>18</sup> ary nisambotra an-kery ireo apostoly, ary nampiditra azy ireo tany an-trano maizina. <sup>19</sup> Ary nandritran'ny alina dia nisy anjelin'ny Tompo nanokatra ny varavaran'ny fonja ary namoaka azy ireo tao, sy niteny hoe: <sup>20</sup> "Mandehana, mitsangana ao amin'ny tempoly ary mitenena amin'ny olona ireo teny rehetran'ity fiainana ity." <sup>21</sup> Rehefa nandre izany izy ireo, dia niditra tao amin'ny tempoly izy ireo raha vao maraina ny andro ka nampianatra. Fa tonga ny mpisoronabe, sy ireo izay niaraka taminy, ary niantso ny filan-kevitra rehetra, ireo loholona rehetran'ny vahoakan'Israely, ary nalefa tany am-ponja mba hamoaka ireo apostoly. <sup>22</sup> Fa nony tonga ilay mpiandry raharaha dia tsy nahita azy ireo tao am-ponja, ka niverina izy ireo ary nitatitra hoe: <sup>23</sup> "Nahita ny trano maizina nihidy tsara izahay ary ny mpiambina dia nijoro niandry teo am-baravarana, fa rehefa novahanay izany, tsy nahita olona tao anatiny izahay." <sup>24</sup> Ary rehefa naheno izany ny lehiben'ny mpiambina ny tempoly sy ireo mpisorona be, dia very hevitra tanteraka izy ireo nahakasika ny zavatra mety hitranga. <sup>25</sup> Fa nisy olona tonga ary niteny tamin'izy ireo nanao hoe: "Ireo lehilahy izay nataonareo tao an-trano maizina dia mitsangana ao amin'ny tempoly ary nampianatra ny vahoaka." <sup>26</sup> Ary lasa ny lehiben'ny mpiambina niaraka tamin'ireo mpiandry raharaha, ary nitondra azy ireo niverina, fa tsy tamin'ny herisetra, satria natahotra ny vahoaka izy ireo fandrao ho torahany vato. <sup>27</sup> Rehefa nitondra azy ireo izy ireo, dia nandefa azy ireo teo anatrehan'ny filan-kevitra. Nanadihady azy ireo ny mpisorona be, <sup>28</sup> niteny hoe: "Noraranay mafy ianareo mba tsy hampianatra amin'io anarana io, kanefa, nofenonareo ny fampianaranareo i Jerosalema, ary tianareo ho tompon'andraikitra amin'ny ran'io lehilahy io izahay." <sup>29</sup> Fa i Petera sy ireo apostoly namaly hoe: "Izahay dia tokony hanaiky an'Andriamanitra nohon'ny olona. <sup>30</sup> Ny Andriamanitrin'ny razanay nanangana an'i Jesosy, izay novonoinareo tamin'ny fanantonana Azy teo amin'ny hazo. <sup>31</sup> Andriamanitra nanandratra Azy teo amin'ny tanan-kavanany mba ho Tompo sy Mpamonjy, mba hanome fibebahana ho an'Israely, sy famelana ny heloka. <sup>32</sup> Izahay dia vavolombelona ny amin'izany zavatra izany, ary ihany koa ny Fanahy Masina, izay nomen'Andriamanitra ho an'ireo manaiky Azy." <sup>33</sup> Raha naheno izany ireo tao amin'ny filan-kevitra, dia tezitra izy ireo ary nitady hanomono ireo apostoly. <sup>34</sup> Fa nisy Fariseo iray natsoina hoe Gamaliela, mpampiana-dalàna, izay najain'ny olona rehetra, nitsangana ary nandidy ireo apostoly mba ho alaina avoaka kely any ivelany. <sup>35</sup> Ary izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Lehilahy Israely, tandremo tsara ny amin'ny zavatra izay ho ataonareo miaraka amin'ireo olona ireo. <sup>36</sup> Fa tany aloha tany, Teodasy nilaza ny tenany ho zavatra, ary vondron'olona, tokony ho efa-jato, nanaraka azy. Novonoina izy, ary ireo rehetra izay nanaiky azy dia niparitaka ary tonga tsinontsinona. <sup>37</sup> Avy eo io lehilahy io, Jodasy avy any Galilia dia nitsangana tamin'ny andron'ny fanisana ary nitaona olona

maromaro hanaraka azy. Izy ihany koa dia novonoina, ary ireo rehetra izay nanaiky azy dia niparitaka. <sup>38</sup> Ary ankehitriny dia lazaiko aminareo, manalavira an'ireo lehilahy ireo ary avelao irery izy ireo, fa raha avy amin'ny olona io drafitra na io asa io, dia ho foana izany. <sup>39</sup> Fa raha avy amin'Andriamanitra kosa, dia tsy ho azonareo foanana ireo; mety ho hitanareo aza fa miady amin'Andriamanitra ianareo." Dia resy lahatra izy ireo. <sup>40</sup> Ary niantso an'ireo apostoly hiditra izy ireo ary nikapoka sy nandidy azy ireo tsy hiteny amin'ny anaran'i Jesosy, ary namela azy ireo handeha. <sup>41</sup> Izy ireo dia nandao ny filan-kevitra tam-pifaliana satria mendrika ny hitondra fahafam-baraka ho an'Ilay Anarana. <sup>42</sup> Tao aorian'izay isan'andro, tsy nitsahatra nampianatra sy nitory an' i Jesosy ho Kristy izy ireo, teo an-kianjan'ny tempoly sy tamin'ny trano maro.

## Acts 5:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Manohy ny tantaran'ny fomba nizaran'ireo kristianina vaovao ny fananan'izy ireo tamin'ireo mpino hafa. I Lioka dia mitantara momban'ireo mpino roa, Ananiasy sy Safira.

### ny vadiny ihany koa nahalala izany

"ny vadiny ihany koa dia nahafantatra fa izy dia nitazona ny ampahany tamin'ilay vola vidiny"

### napetraka teo an-tongotr'ireo apostoly

DH: "nanolotra izany teo amin'ireo Apostoly" na "nampiseho izany tamin'ireo Apostoly"

## Acts 5:3

### nofenoin'i Satana lainga ny fonao handainga amin'ny Fanahy Masina, sy hitazona ny ampahany tamin'ilay vidin-tany?

Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hitenenana mafy an'i Ananiasy. DH: "tsy tokony namela ny satana handresy lahatra anao handainga ... tany"

### nofenoin'i Satana ny ny fonao

Ny teny hoe "fo" eto dia manambara ny sitra-po sy fihetsem-po. DH: "nofeheziny ny satana tanteraka ianao" na 2) "resin'ny satana lahatra ianao"

### handainga amin'ny Fanahy Masina, sy hitazona ny ampahany tamin'ilay vidin-tany

Izany dia midika fa i Ananiasy dia niteny tamin'ireo Apostoly fa nomeny daholo izay noraisiny tamin'ny fivarotana ny taniny.

### Raha mbola tsy lafo izany, tsy nijanona ho fanananao manokana ve izany

Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hitenenana mafy an'i Ananiasy. DH: "raha mbola tsy lafo izany dia mbola fanananao"

### ary rehefa lafo izany, tsy teo amin'ny fahefanao ve izany?

Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hitenenana mafy an'i Ananiasy. DH: "ary rehefa lafo izany dia manana fahefana amin'ny vola izay noraisinao ianao"

### Ahoana no nieritreretanao izany zavatra izany tao amin'ny fonao?

Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hitenenana mafy an'i Ananiasy. Ny teny hoe "fo" eto dia manambara ny sitra-po sy fihetsem-po. DH: "Tsy tokony nanana eritreritra ny hanao izany zavatra izany ianao"

### lavo tamin'ny tany Ananiasy ka afaka ny ainy

lavo tamin'ny tany Ananiasy satria maty izy; tsy ny fianjerany no nahafaty azy. DH: "maty ary nianjera tamin; ny tany"

## Acts 5:7

### niditra ny vadiny

"niditra ny vadin'i Ananiasy" na "niditra i Safira"

### izay nitranga

'fa mbola tsy maty ny vadiny"

## Acts 5:9

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Izany no mamarana ny fizaran'ny tantara momban'i Ananiasy sy Safira.

### Nahoana ianareo no nanaiky hiara-hitsapa ny Fanahin'ny Tompo?

Nametraka io fanontaniana io i Petera mba hitenenana mafy an'i Safira. DH: "tsy tokony nifanaraka ny hitsapa ny Fanahin'ny Tompo ianareo!"

### hitsapa ny Fanahin'ny Tompo

Eto ny teny hoe "nitsapa" dia midika hoe miantsy na manaporofa. Izy ireo dia nanandrana nitsaoka raha avy nandainga tamin' Andriamanitra ka tsy ho voasazy.

### reo tongotr'ireo olona izay nandevina ny vadinao

DH: "ireo lehilahy izay nandevina ny vadinao"

### lavo teo noho eo teo amin'ny tongony

Izany dia midika fa rehefa maty izy dia hianjera amin'ny tany eo anatrehan'i Petera. Izany fomba fiteny izany dia tsy tokony hafangaro amin'ny hoe mandahalika eo amin'ny tongotrin'ny olona iray ho marikin'ny fanetre-tena.

**Acts 5:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Lioka dia nanohy nitantara izay nitranga ny andro mialohan'ny fiangonana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "Izy ireo" sy "izy ireo" dia manambara an'ireo mpino.

**Famantarana sy fahagagana maro no niseho tamin'ireo vahoaka tamin'ny alalan'ny tanan'ireo Apostoly**

DH: "Ireo Apostoly dia nanao famantarana sy fahagagana maro be tamin'ireo olona"

**tamin'ny alalan'ny tanan'ireo Apostoly**

DH: "tamin'ireo Apostoly"

**ny vahoaka dia nanandratra fankasitrahana avo azy ireo**

DH: "Ireo olona ireo dia nanandratra avo ireo mpino.

**Acts 5:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ireo olona izay niaina tao Jerosalema.

**nihamaro ireo mpino izay nanampy isa ny Tompo**

DH: "Maro ireo olona no nino an'ny Tompo."

**mety mba hanaloka ny sasany amin'izy ireo ny alokany**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia hanasitrana azy ireo raha mahakasika azy ireo ny alok'i Petera.

**sitrana izy rehetra**

DH: "Andriamanitra dia nanasitrana azy rehetra"na "ireo Apostoly dia nanasitrana azy rehetra"

**Acts 5:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo mpitarika relijiozy dia nanomboka nanenjika ireo mpino.

**nitsangana ny mpisoronabe**

Eto ny teny hoe: "nitsangana" dia midika fa nanapakevitra ny handray fepetra ilay mpisoronabe fa tsy hoe nitsangana teo amin'ny toerany. DH: "nandray fepetra ilay mpisoronabe"

**feno fialonana izy ireo**

lasa nialona izy ireo

**Acts 5:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia manambara ireo Apostoly.

ao amin'ny tempoly ary mitenena amin'ny olona ireo teny rehetran'ity fiainana ity." 21 Rehefa nandre izany izy ireo, dia niditra tao amin'ny tempoly

Izy ireo dia tsy niditra tao anatin'ny tempoly izay natokana hoan'ireo mpisorona ihany. DH: "Izy dia niditra ... ny faritrin'ny tempoly" na "izy dia niditra ... tao an-tokontanin'ny tempoly"

**ireo teny rehetran'ity fiainana ity**

Io dia andininy amin'ny hafatrin'ny filazantsara izay efa nambaran'ireo Apostoly. Ireo mety ho dikany: 1) "ireo hafatrin'ny fiainana mandrakizay rehetra" na 2) "Ny hafatra manontolo amin'ny fomba fiainana vaovao"

**raha vao maraina ny andro**

"raha vao nahazava ny andro." Na dia nentin'ireo anjely nivoka ny trano maizina aza izy ireo nandritrin'ny alina dia nipoaka ny masoandro vao tonga teo an-tokontanin'ny tempoly ireo Apostoly.

**nalefa tany am-ponja mba hamoaka ireo apostoly**

Izany dia midika fa nisy olona nandeha nakany am-ponja. DH: "nandefa olona tany am-ponja mba haka ireo Apostoly"

**Acts 5:22****tsy nahita azy ireo tao**

Izany dia midika fa tsy nisy olona am-ponja.

**Acts 5:24****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "ianareo" dia manambara ny Kapitenin'ny tempoly sy ireo lehiben'ireo mpisorona.

**nahakasika azy ireo**

"nahakasika ireo teny izay vao rehin'izy ireo" na "nahakasika ireo zavatra ireo"

**nitsangana ao amin'ny tempoly**

Izy ireo dia tsy niditra tao anatin'ny tempoly izay natokana hoan'ireo mpisorona ihany. DH: "Izy dia niditra ... ny faritrin'ny tempoly" na "izy dia niditra ... tao an-tokontanin'ny tempoly"

**Acts 5:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny lehiben'ny mpiambina sy ireo manam-boninahitra dia nitondra ireo Apostoly teo anatrehan'ny filan-kevitrin'ny mpitarika Jiosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" eto amin'ity fizarana ity dia manambara ny lehiben'ny mpiambina sy ireo manam-boninahitra. Ao anatin'ny fehezanteny "natahotra ny vahoaka izy ireo fandrao ho torahany vato" ny teny izy ireo" eto dia manambara ilay lehiben'ny mpiambina sy ireo manam-boninahitra.

Ary ny "izy ireo" hafa kosa dia manambara an'ireo Apostoly.

#### **amin'io anarana io**

Ny teny hoe "anarana" eto dia manambara an'i Jesosy. DH: "tsy hiresaka momban'i Jesosy intsony."

#### **nofenonareo ny fampianaranareo i Jerosalema**

DH: "Ianareo dia nampianatra ny rehetra tao ao Jerosalema ny momba Azy"

#### **maniry ny hitondra ny rà'n'io lehilahy io ho eo aminay**

Eto ny teny hoe "rà" dia manambara ny fahafatesan'i Jesosy . DH: "faniriana hampangana antsika ho tompon'andraikitra tamin'ny nahafatesan'io lehilahy io"

### **Acts 5:29**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "isika" dia manambara ireo Apostoly fa tsy ireo mpihaino.

#### **i Petera sy ireo apostoly namaly hoe**

I Petera dia miresaka ny fiainan'ireo Apostoly rehetra rehefa miteny ireto teny manaraka ireto.

#### **tamin'ny fanantonana Azy teo amin'ny hazo**

Eto i Petera dia mampiasa ny teny hoe "hazo" hanambarana ny hazo fijaliana izay vita tamin'ny hazo.

#### **hanome fibebahana ho an'Israely, sy famelana ny heloka**

DH: "hanome fahafahana ny vahoakan'Israely mba hibe-baka sy hanana an'Andriamanitra hamela ny fahotan'izy ireo."

#### **Israely**

Ny teny hoe "Israely" eto dia manambara ireo olona Jiosy.

#### **ireo manaiky Azy**

"Ireo izay mankatoa ny fahefan'Andriamanitra"

### **Acts 5:33**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Niresaka tamin'ny mpikambana tao filan-kevitra i Gamaliela.

#### **Gamaliela, mpampiana-dalàna, izay najain'ny olona rehetra**

I Lioka dia mampiditra an'i Gamaliela ary manome fampahafantarana mahakasika azy.

#### **nandidy ireo apostoly mba hivoaka kely any ivelany**

DH: "nandidy ireo mpiambina mba hitondra ireo Apostoly any ivelany"

### **Acts 5:35**

#### **tandremo tsara**

"saino tsara ny momban'ny" na "mitandrema amin'ny". I Gamaliela dia nampitandrina azy ireo

mba tsy hanao zavatra izay hanenenan'izy ireo any aoriana.

#### **nilaza ny tenany ho**

"nilaza ny tenany ho olona manan-danja"

#### **Novonoina izy**

DH: "novonoin'ny olona izy"

#### **ireo rehetra izay nanaiky azy dia niparitaka ary tonga tsinontsinona**

DH: "Ireo olona izay niparitaka dia ireo izay nankatoa azy" na "ireo rehetra izay nankatoa azy dia samy nandeha any amin'ny lalan-kafa"

#### **tonga tsinontsinona**

Izany dia midika fa tsy fantany intsony izay zavatra nokasainy.

#### **Avy eo io lehilahy io**

Avy eo i Teodasy

#### **tamin'ny andron'ny fanisana**

nandritran'ny fotoan'ny fanisana"

#### **nitaona olona maromaro hanaraka azy**

Izany dia midika fa nandresy lahatra olona maro hikomy hiaraka aminy hanohitra ny governemanta Romana izy.

### **Acts 5:38**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny resany tamin'ireo mpikambana tao amin'ny filan-kevitra i Gamaliela. Resin'izy ireo ireo Apostoly ary nandidy azy ireo tsy ampianatra momban'i Jesosy ka hamela azy ireo handeha, fa ireo mpianatra dia nanohy nampianara sy nitory.

#### **manalavira an'ireo lehilahy ireo ary avelao irery izy ireo**

Niteny tamin'ireo mpitarika Jiosy i Gamaliela fa tsy hanasazy ireo Apostoly intsony ary tsy hamerina azy ireo any am-ponja.

#### **fa raha avy amin'ny olona io drafitra na io asa io**

raha olona no naminavina izany fikasana na hanao izany asa izany"

#### **dia ho foana izany**

hisy olona handrava izany

#### **Fa raha avy amin'Andriamanitra**

DH: "raha Andriamanitra no naminavina izany fikasana na nandidy ireo lehilahy ireo hanao izany asa izany"

#### **Dia resy lahatra izy ireo**

DH: "resin'i Gamaliela lahatra izy ireo"

### **Acts 5:40**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo"voalohany dia manambara ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra. Ny



ambony amin'ny teny hoe "izy ireo" kosa dia manambara an'ireo Apostoly.

**niantso an'ireo apostoly hiditra izy ireo ary nikapoka**  
Ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra dia nanome baiko ireo mpiambina ao amin'ny tempoly hanao ireo zavatra ireo.

**hiteny amin'ny anaran'i Jesosy**  
ny"anarana"eto dia midika ny fahefan'i Jesosy

**Izy ireo dia nandao ny filan-kevitra tam-pifaliana satria mendrika ny hitondra fahafam-baraka ho an'Ilay Anarana**  
Nifaly ireo Apostoly satria Andriamanitra dia nanome voninahitra azy ireo tamin'ny tsy

---

nanomezan'ireo mpitarika Jiosy azy ireo voninahitra.

**ho an'Ilay Anarana**  
Eto ny "anarana"dia manambara an'i Jesosy. DH:  
"hoan'i Jesosy"

**teo an-kianjan'ny tempoly sy tamin'ny trano maro**  
Izy ireo dia tsy niditra tao anatin'ny tempoly izay voatokana hoan'ireo mpisorona.

## Chapter 6

<sup>1</sup> Ary tamin'izany andro izany, rehefa nihanitombo ny isan'ireo mpianatra, dia nanomboka nisy fitarainana nataon'ireo Jiosy miteny Grika hanoherana ireo Hebreo, satria nataon'izy ireo tsinotsinona ireo mpitondra-tenany tamin'ny fizarana sakafo isan'andro. <sup>2</sup> Ny roa ambin'ny folo dia niantso ireo mpianatra rehetra ho any amin'izy ireo sady niteny hoe: "Tsy mety ho antsika raha mandao ny tenin'Andriamanitra mba hikorakara ireo latabatra. <sup>3</sup> Noho izany ianareo dia tokony mifidy, ry rahalahy, fito aminareo, lehilahy tsara laza, feno ny Fanahy sy fahendrena, mba ho tendrenay hikorakara izany raharaha izany. <sup>4</sup> Raha ny aminay, dia hanohy hatrany amin'ny fivavahana sy amin'ny fampianarana ny teny izahay." <sup>5</sup> Nahafinaritra ny olona rehetra ny teny nataon'izy ireo. Ka nifidy an'i Stefana izy ireo, lehilahy feno finoana sy Fanahy Masina, ary i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timona, Parmena ary Nikoleo, proselyta avy any Antiokia. <sup>6</sup> Ireo mpino dia nitondra ireo lehilahy teo anatrehan'ny Apostoly, izay nivavaka sy nametraka ny tanany tamin'izy ireo. <sup>7</sup> Ka niparitaka hatrany ny tenin'Andriamanitra, ary ny isan'ny mpianatra tao Jerosalema dia nihanitombo be, ary mpisorona maro be kosa no lasa mpankatoa ny finoana. <sup>8</sup> Ary i Stefana, feno fahasoaavana sy hery, dia nanao fahagagana sy famantarana lehibe teo amin'ny vahoaka. <sup>9</sup> Fa nisy vahoaka sasany nitsangana izay an'ny synagoga izay atao hoe ny Synagogan'ny Libertina, sy an'ny Kyreniana sy Aleksandriana, ary ny sasany avy any Kilikia sy Azia. Ireo olona ireo dia niady hevitra tamin'i Stefana <sup>10</sup> Izy ireo dia tsy nahatohitra ny fahendrena sy ny Fanahy izay nitenenany i Stefana. <sup>11</sup> Avy eo dia nisy olona nanaovan'izy ireo kolikoly mba hiteny hoe: "Efa renay i Stefana niteny ratsy momban'i Mosesy sy Andriamanitra." <sup>12</sup> Nanaitra ny olona izy ireo, ny loholona, sy ny mpanora-dalàna, dia nankeo amin'i Stefana izy ireo ary nisambotra azy sy nitondra azy teo anatrehan'ireo mpanolotsaina. <sup>13</sup> Ary izy ireo dia nitondra fijoroana vavolombelona diso, dia niteny hoe: "Ito lehilahy ito dia tsy mitsahatra miteny ratsy ity toerana masina ity sy ny lalàna. <sup>14</sup> Fa izahay dia nandre azy niteny fa io Jesosy avy any Nazareta io dia handrava ity toerana ity sy hanova ireo fomba izay natolotr'i Mosesy antsika." <sup>15</sup> Ireo rehetra izay nipetraka teo amin'ny toeran'ny mpanolotsaina dia nandinika azy ka nahita fa tahaka ny anjely ny tarehiny.

### Acts 6:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

ity no fiatombohan'ny fizarana vaovao amin'ny tantara. I Lioka dia manome fampahafantarana fototra lehibe mba ahazahoana tsara ny tantara.

#### Jiosy miteny Grika

Izy ireo dia Jiosy izay niaina ela tany ho any amin'ny fanajakana Romana ivelan'Israely tany, ary niteny Grika. Ny fomba fiteny sy ny kolontsain'izy ireo dia somary samihafa amin'ireo izay nobeazina tao Israely.

#### ireo Hebreo

Izy ireo dia Jiosy izay dia lehibe tao Israely ary miteny Hebreo na Aramika. Ny mpiangona tao amin'ny fiangonan'izy ireo dia Jiosy ihany ary niova ho Jodaisma taty aoriana.

#### ireo mpitondra-tenany

Ireo vehivavy izay maty vady

#### natao tsinotsinona ny mpitondran-tenan'izy ireo

DH: "Ireo mpino hebreo dia nanao tsinotsinona ireo mpitondra-tena Grika

#### natao tsinotsinona

"noadinoana". Betsaka loatra izy ireo izay nila fanampiana ka maro ireo adino.

#### fizarana sakafo isan'andro

Ny ampahan'ny vola izay nomena ireo Apostoly dia nampiasaina hividiana sakafo hoan'ny fiangonan'ireo mpitondra-tena.

### Acts 6:2

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "ianarao" dia manambara ireo mpino

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "isika"sy "izahay" eto dia manambara ireo Apostoly 12 lahy.

#### mandao ny tenin'Andriamanitra

Io dia fanitarana mba hanamafisana ny maha zava-dehibe ny asan'izy ireo izay mampianatra ny tenin'Andriamanitra. DH: "atsaharo ny fitoriana sy fampianarana ny tenin'Andriamanitra"

#### hikorakara ireo latabatra

Io fehezanteny io dia manambara hoe manolotra sakafo hoan'ny olona.

#### lehilahy tsara laza

"ireo lehilahy izay fanta-bahoaka fa tsara" na "ireo lehilahy izay nahatokisan'ny olona"

#### izany raharaha izany

"ho tompon'andraikitra hanao io asa io"

**ny fampianarana ny teny**

tsara raha ampina fanazavana bebe kokoa. DH: "ny fampianarana sy fitoriana ny teny"

**Acts 6:5****Nahafinaritra ny olona rehetra ny teny nataon'izy ireo**

"Tian'ireo mpianatra rehetra ny soso-kevitry izy ireo"

**Stefana ... ary Nikoleo**

Ireo dia anarana Grika ary maneho fa ny lehilahy rehetra voafidy dia avy amin'ny vondron'ireo mpino Jiosy miteny Grika.

**proselyta**

Jentilisa izay niova ho amin'ny finoana Jiosy

**nametraka ny tanany tamin'izy ireo**

Izany dia mampiseho ny fanomezan-pahasoavana sy andraikitra ary fahefana hoamin'ny asan'ireo fito.

**Acts 6:7****Fanpahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity andininy ity dia manome fampahafantarana farany mahakasika ny fitombon'ny fiangonana.

**niparitaka hatrany ny tenin'Andriamanitra**

Izany dia miresaka ny fitombon'ny isan ireo olona izay nino ny teny tahaka ny fitombon'ny tenin'Andriamanitra. DH: "ny isan'ny olona izay nino ny tenin'Andriamanitra dia nitombo"

**lasa mpankatoa ny finoana**

"nanaraka ny fampianaran'ny finoana vaovao"

**finoana**

Ireo mety handikana azy 1) ny hafatrin'ny filazantsara amin'ny fahatokiana an'i Jesosy na 2) ny fampianaran'ny fiangonana na koa 3) ny fampianarana Kristianina.

**Acts 6:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity dia fanombohana fizarana vaovao amin'ny tantara.

**Fanpahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireo andininy ireo dia manome fampahafantarana momban' i Stefana sy ireo olona hafa izay manandanja amin'ny fahazoana ny tantara.

**Ary i Stefana**

Io dia mampiditra an'i Stefana amin'ny mpilalao fototra azy amin'ity fizaran'ny tantara ity.

**Stefana, feno fahasoavana sy hery, dia nanao**

Ny teny hoe "fahasoavana"sy "hera" eto dia manambara ny herin'Andriamanitra . DH: "Andriamanitra dia nanome hery an' Stefana mba hanaovany"

**Synagoga'ny Libertina**

Libertina dia mety ho andevo teo aloha avy amin'ireo toerana samihafa ireo . Tsy hazava raha ireo olona hafa voatanisa dia anisan'ny synagoga na mba nandray anjara tamin'ny adi-hevitra niaraka tamin'ny Stefana.

**niady hevitra tamin'i Stefana**

"nifanakalo hevitra tamin'i Stephana"

**Acts 6:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Fampahafantarana fototra izay nanomboka tao amin'ny 6:8 ary mitohy ao amin'ny andininy faha 10.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay"dia manambara ireo lehilahy izay resin'izy ireo lahatra mba handainga.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo"dia manambara ireo olona avy amin'ny synagoga'i Libertina tao amin'ny 6:8

**tsy nahatohitra**

Io fehezanteny io dia midika fa tsy afaka nanaporofa izy ireo fa diso izay diso nolazany. DH: "tsy afaka niadi-hevitra"

**Fanahy**

"Fanahy Masina"

**olona nanaovan'izy ireo kolikoly mba hiteny hoe**

Satria zany dia natao mangina dia midika fa ny fijoron'izy ireo vavolombelona dia lainga avokoa. DH: "ireo lehilahy sasany mba handainga ary hiteny hoe"

**teny ratsy an'i**

"naniratsira an'i"

**Acts 6:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny fampiasana ny teny hoe "izy ireo" ny ankamaroany dia manambara ireo olona avy amin'ny synagoga'i Libertina tao amin'ny 6:8. Izy ireo no tompon'andraikitra tamin'ny fijoroana vavolombelona diso sy ny fanetanana ny filankevitra, ireo loholona, ireo mpanora-dalàna ary ireo olona hafa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izahay" dia manambara ireo vavolombelona tsy marina izay najoron'izy ireo.

**Nanaitra ny olona izy ireo**

"nandrisika ireo olona mba ho tezitra"

**natolotr'i Mosesy antsika**

DH: "nampita" na "nampianaran'ireo razam-be"

**nandinika azy**  
"nijery maharitra"

**tahaka ny anjely ny tarehiny**  
Io fehezanteny io dia mampitaha ny tarehany  
amin'ny an'anjely fa tsy miteny mazava izay  
itoviany.

---

## Chapter 7

<sup>1</sup> Ny mpisoronabe niteny hoe: "Marina ve izany rehetra izany?" <sup>2</sup> Stefana niteny hoe: "Ry rahalahy sy ry ray, henoy aho: "Ny Andriamanitrin'ny voninahitra niseho tamin'ny raintsika Abrahama tamin'izy tany Mesopotamia, talohan'ny nipetrany tao Harana; <sup>3</sup> niteny taminy Izy hoe: "Mialà eo amin'ny taninao ianao sy ireo havanao, ary mandehana any amin'ilay tany izay asehoko anao." <sup>4</sup> Avy eo niala an'ilay tanin'ny Kaldeana izy ary nipetraka tany Harana; nanomboka teo, taorian'ny nahafatesan'ny rainy, nentin'Andriamanitra tany amin'io tany io izy, izay hipetrahanao izao. <sup>5</sup> Tsy nomeny ho lova teo izy, tsia, tsy ampy hametrahana tongotra akory. Fa nanome toky izy na dia mbola tsy nanan-janaka aza i Abrahama fa izy dia hanome ny tany azy ho fananany sy ho an'ireo taranany any aoriany. <sup>6</sup> Andriamanitra dia niresaka taminy tahaka izao, fa ireo taranany dia hipetraka maharitra any amin'ny tanin'ny firenen-kafa, ary ireo mponina ao dia hitondra azy ireo amin'ny fanandevozana sy fampahoriana mandritry ny efa-jato taona. <sup>7</sup> 'Nefa ho tsaraiko ny firenena izay tompoin'izy ireo,' hoy Andriamanitra, 'ary aorian'izany dia hanantona sy hidera Ahy eo amin'io toerana io izy ireo. <sup>8</sup> Avy eo nomen'Andriamanitra an'i Abrahama ny fanekena amin'ny famorana, ka i Abrahama dia lasa rain'Isaka ary namora azy tamin'ny andro fahavalo; Isaka dia lasa rain'i Jakoba, ary Jakoba lasa rain'ireo patriarika roa ambin'ny folo. <sup>9</sup> Satria ireo patriarika dia nialona an'i Josefa, ka namidin'izy ireo tany Egipta izy; fa Andriamanitra dia niaraka taminy <sup>10</sup> ary namonjy azy tamin'ireo olany rehetra. I Josefa dia nomeny fankasitrahana sy fahendrena teo anatrehan'i Farao, mpanjakan'Egipta, izay nametraka azy ho governora manapaka an' Egipta sy ambonin'ireo fananany rehetra. <sup>11</sup> Ary dia tonga ny mosary nanerana an'Egipta sy Kanana, sy fijaliana lehibe, ary ireo razantsika dia tsy nahita sakafo. <sup>12</sup> Fa rehefa naheno i Jakoba fa nisy vary tao Egipta, nandefa ireo razantsika tamin'ny dian'izy ireo voalohany izy. <sup>13</sup> Tamin'ny dian'izy ireo faharoa i Josefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny, ary ny fianakavian'i Josefa dia lasa fantatr'i Farao. <sup>14</sup> Josefa dia naniraka ireo rahalahiny hiteny an'i Jakoba rainy mba hoavy any Egipta, miaraka amin'ireo havany rehetra, teo amin'ny dimy ambin'ny fitopolo olona raha atambatra. <sup>15</sup> Noho izany Jakoba dia nidina tao Egipta, ary maty izy, izy sy ireo razantsika. <sup>16</sup> Nolanjaina ho any Sekema izy ireo ary nalevina tao amin'ilay fasana izay novidian'i Abrahama tamin'ny volafotsy tamin'ireo zanak'i Hamora tany Sekema. <sup>17</sup> Rehefa nanakaiky ny fotoanan'ilay fampanantenana, ilay fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama, dia nihamaro sy nitombo ny olona tao Egipta, <sup>18</sup> mandra-pitsangan'ny mpanjaka hafa tao Egipta, mpanjaka izay tsy nahafantatra ny momba an'i Josefa. <sup>19</sup> Io mpanjaka io ihany no namitaka ny vahoakantsika sy nampahory ireo razantsika, izy ireo dia nanery ny razantsika handao ireo zanany ambava loza mba tsy ho velona. <sup>20</sup> Tamin'izany fotoana izany i Mosesy no teraka; izy dia tsara teo anatrehan'Andriamanitra ary notaizana telo volana tao an-tranon'ny Rainy. <sup>21</sup> Rehefa navoaka teny ivelany izy, dia ny zanaka vavin'i Farao no nanangana sy nitaiza azy tahaka ny zanany lahy. <sup>22</sup> I Mosesy dia nampianarina ireo fahendrena rehetra nananan'ny Egyptianina, ary izy dia nahery tamin'ny teniny sy ny asany. <sup>23</sup> Ka rehefa ho efaolo taona izy, tonga tao am-pony ny hitsidika ireo rahalahiny, zanak'Israely. <sup>24</sup> Nahita israelita iray izay nampahoriana ka niaro azy i Mosesy sady namaly an'ilay izay nampahory azy tamin'ny famonona ilay Egyptianina: <sup>25</sup> Nihevitra izy fa ho azon'ireo rahalahiny fa tamin'ny alalan'ny tanany Andriamanitra no nanavotra azy ireo, nefa dia tsy azon'izy ireo izany. <sup>26</sup> Ny andro manaraka dia tonga tao amin'ireo Israelita sasany izy raha izy ireo nifanditra; nanandrana ny nampitony ny tsirairay avy izy, niteny hoe: "Ry lehilahy, ianareo dia mpirahalany, maninona ianareo no mifandratra?" <sup>27</sup> Fa ny iray izay nanao tsy nety tamin'ny namany nanosika azy, ary niteny hoe: "Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy hitsara anay?" <sup>28</sup> Tianao ve ny hamono ahy, tahaka ny namononao ireo Egyptianina omaly?" <sup>29</sup> Nitsoaka i Mosesy rehefa nandre izany; lasa mpiavy izy tao amin'ny tanin'ny Midiana, izay niterahany ny zanany roa lahy. <sup>30</sup> Rehefa dila ny efaolo taona, nisy anjely iray nipotra taminy tany an'efitra teny amin' tendrombohitra Sinay, teo amin'ny lelafon'ilay voaroy nirehitra. <sup>31</sup> Rehefa tazan'i Mosesy ilay afo, talanjona izy tamin'ilay fahitana; ary rehefa nanatona izy ka nijery ilay izy, indro avy any nisy feon'ny Tompo niteny hoe: <sup>32</sup> "Izaho no Andriamanitr'ireo razanao, Andriamanitr'Abrahama, sy Isaka, ary Jakoba." Nangovitra i Mosesy ary tsy sahy nijery. <sup>33</sup> Ny Tompo niteny taminy hoe: "Esory ny kapa eny amin'ny tongotrao, fa io toerana izay hijorona io dia tany masina. <sup>34</sup> Efa hitako tokoa ny fijalian'ny vahoakako izay ao Egipta, henoko ny fitarainan'izy ireo, ary efa nidina nanavotra azy ireo Aho; koa ankehitriny, alefako ho any Egipta ianao." <sup>35</sup> Io ilay Mosesy izay nolavin'izy ireo, rehefa niteny izy ireo hoe: "Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy ho mpitsara?" Izy ilay tokana izay nalefan'Andriamanitra sady ho mpanapaka no mpanavotra. Andriamanitra nandefa azy tamin'ny alalan'ny tanan'ilay anjely izay nipoitra tamin'i Mosesy teny amin'ny voaroy. <sup>36</sup> Nitatika azy ireo hiala tao Egipta i Mosesy, rehefa avy nanao fahagagana sy famantarana tao Egipta sy teny amin'ny ranomasina mena, ary teny an'efitra mandritry ny efaolo taona. <sup>37</sup> Io ihany ilay

Mosesy izay niteny tamin'ny vahoakan'Israely hoe: "Andriamanitra dia hanangana mpaminany ho anareo eo amin'ny rahalahinareo, mpaminany tahaka ahy." <sup>38</sup> Izy ilay lehilahy izay tao am-piangonana tao an'efitra niaraka tamin'ilay anjely izay niteny taminy teny amin'tendrombohitry'i Sinay. Izy ilay lehilahy niaraka tamin'ireo razantsika; izy ilay lehilahy izay nandray ny teny velona zaraina ho antsika. <sup>39</sup> Izy ilay lehilahy izay tsy nankatoavin'ireo razantsika; natosik'izy ireo lavitra azy ireo izy, ary any ampon'izy ireo dia niverina tany Egypta izy ireo. <sup>40</sup> Tamin'io fotoana io niteny tamin'i Arona izy ireo hoe: "Hanaovy Andriamanitra izahay hitarika anay, tahaka an'i Mosesy, izay nitarika antsika hivoaka an'ny Egypta, tsy fantatsika izay nitranga taminy." <sup>41</sup> Ary nanao omby lahy kely izy ireo tamin'izany andro izany ary nitondra fanatitra teo amin'ilay sampy, ary nifaly tamin'ny asan-tanany izy ireo. <sup>42</sup> nitodika Andriamanitra ary namela azy ireo mba ho fiderana ireo kintana eny an-danitra, araka ny voasoratra tao amin'ny bokin'ny mpaminany: "Ianareo ve nanolotra ahy biby maty sy fanatitra nandritrin'ny efapolo taona tao an'efitra, tranon'ny Israely? <sup>43</sup> Nekenareo ny tabernakelin'i Moloka sy ny kintan' andriamanitra Refana, sy ireo sary izay ataonareo hiderana azy, ary izaho hitondra anareo any ankotran' Babylona." <sup>44</sup> Ireo razantsika dia nanana tabernakelin'ny fijoroana vavolombelona tao an'efitra, araka ny baikon'Andriamanitra rehefa niteny tamin'i Mosesy Izy, izay tokony nataony nitovy tamin'ilay fomba efa hitany. <sup>45</sup> Io ilay tranolay izay nalain'ireo razantsika, ary noentiny tao amin'ilay tany niaraka tamin'i Josoa, teo anatrehan'ireo razantsika, ireo fananan'ny firenena izay nandroahan'Andriamanitra ny tany izay noraisin'izy ireo ho fananan'izy ireo manokana, Ilay tranolay dia nitoetra tao amin'ilay tany nandritry ny andron'i Davida, <sup>46</sup> ary izy nahazo fankasitrahana tao amin'ny fahitan'Andriamanitra ary nanontany raha hahita toerana honenana ho an'Andriamanitra'i Jakoba. <sup>47</sup> Fa i Salomona no nanamboatra ny trano ho an'Andriamanitra. <sup>48</sup> Na izany aza, ny Avo indrindra dia tsy nipetraka tao amin'ny trano vita tamin'ny tanana, araka ny voalazan'ny mpaminany hoe: <sup>49</sup> "Ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoeran-tongotro. Trano toy inona no afaka hamboarinao ho ahy? hoy ny Tompo, na toerana toy ny inona no hitsaharako? <sup>50</sup> Tsy tanako ve no nanao ireo zavatra rehetra ireo? <sup>51</sup> Ireo olona mafy hatoka sy tsy voafora ao am-po sy sofina, ianareo dia manohitra foana ny Fanahy Masina; ianareo dia manao tahaka izay nataon'ny razanareo. <sup>52</sup> Iza tamin'ireo razanareo no tsy nanenjika mpaminany? Novonoin'izy ireo ny mpaminany izay niseho talohan'ny fiavin'ilay Fahamarinana, ary ankehitriny ianareo dia lasa mpamadika sy mpamono azy koa, <sup>53</sup> ianareo vahoaka izay nandray ny lalàna izay napetrak'ireo anjely, kanefa tsy notazominareo izany." <sup>54</sup> Ary rehefa naheno ireo zavatra ireo ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, tohina ny fon'izy ireo, ary nihidy vazana izy ireo tamin'ny Stefana. <sup>55</sup> Fa izy, izay feno Fanahy Masina, nijery tsara ny lanitra ary nahita ny voninahitr'Andriamanitra, ary nahita an'i Jesosy nijoro teo ankavanan'Andriamanitra. <sup>56</sup> Stefana niteny hoe: "Jereo, itako misokatra ireo lanitra, ary ny zanak'olona mijoro eo ankavanan' Andriamanitra." <sup>57</sup> Teo amin'izany dia notapenan'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ny sofin'izy ireo, ary nihiaka niaraka tamin'ny feo ambony, nihazakazaka izy ireo nankeny aminy. <sup>58</sup> Notaritin'izy ireo ivelan'ny tanàna izy ary nanomboka nitora-bato azy izy ireo, ary ireo vavolombelona dia nametraka ny akanjony teo amin'ny tongotr'ilay zaza lahy nantsoina hoe Saoly. <sup>59</sup> Raha nitora-bato an'i Stefana iny izy ireo, niantso mafy ny Tompo izy ary niteny hoe: "Tompo Jesosy, raiso ny fanahiko." <sup>60</sup> Nandohalika izy ary niantso tamin'ny feo mahery hoe: "Tompo, aza tazomina izao ota izao hanoherana azy ireo." Rehefa avy niteny izany izy dia resitory.

## Acts 7:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mitohy ny fizaran'ny tantara momban'i Stefana izay nanomboka tao amin'ny 6:8. Nanomboka namaly ny mpisorona be sy ny filan-kevitra i Stefana tamin'ny firesahana momban'ireo zavatra nitranga tao amin'ny tantaran'Israely. Maro ireo zavatra ao anatin'ity tantara ity no avy tamin'izay nosoratan'i Mosesy

### Ry rahalahy sy ry ray, henoy aho

I Stefana dia nanome fanajana lehibe an'ny filan-kevitra tamin'ny niarabainy azy ireo tahaka ny fianakaviany.

## Acts 7:4

### Fampafantarana amin'ny ankapobeny

Ao amin'ny andininy faha 4 ny hoe "izy" na "azy" dia manambara an'i Abrahama. Ao amin'ny andininy faha 5 ny hoe "Izy" na "Azy" dia manambara an'Andriamanitra.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "ianareo" dia manambara ireo filan-kevitra sy ny mpihaino.

### tsy ampy hametrahana

Ireto mety ho dikan'io fehezanteny io 1) tany kely tsy afaka hijorona na 2) zara misy ho dinganina 3) ampahana tany kely dia kely"

**ho fananany sy ho an'ireo taranany any aoriany**  
Ho fananan'Abrahama ary hanome izany hoan'ny taranany"

### Acts 7:6

**Andriamanitra dia niresaka taminy tahaka izao**  
DH: "Taty aoriana Andriamanitra dia niresaka tamin'i Abrahama"

**efa-jato taona**  
"400 taona"

**ho tsaraiko ny firenena**  
"firenena" dia manambara ireo olona ao anatiny.  
DH: "Hitsara ny olona ao amin'ny firenena Aho"

**nomen'Andriamanitra an'i Abrahama ny fanekena amin'ny famorana**  
Ireo Jiosy dia ahalala fa ity fanekena ity dia mitaky ny fanaforan'i Abrahama ny lahy rehetra ao amin'ny fianakaviany. DH: "nanao fifanekena tamin'i Abrahama mba hamora ireo lahy rehetra ao amin'ny fianakaviana"

**ka i Abrahama dia lasa rain'Isaka**  
Ny fiampitan'ny tantara mankany amin'ny taranak'i Abrahama

**ary Jakoba lasa rain'i**  
"ary Jakoba dia lasa ray." Nohafohizin'i Stefana izany.

### Acts 7:9

**ireo patriarika**  
"zanaka lahimatoan'i Jakoba" na "ireo zokin'i Josefa"

**nialona an'i**  
DH: "ny fialonana no nandrisika ireo patriarika hanohitra"

**dia niaraka taminy**  
DH: "dia nanampy azy"

**into Egypt**  
Io dia manambara ireo olona tao Egypta. DH: "Tamin'ireo olona rehetra tao Egypta"

### Acts 7:11

**Ary dia tonga ny mosary**  
Nitsahatra tsy namokatra intsony ny tany

**ireo razantsika**  
Io dia manambara an'i Jakoba sy ireo zanany lahy izay razambean'ireo olona Jiosy

**vary**  
Ny "vary" no sakafo tena fihinana tamin'izany fotoana izany.

**faharoa**  
"ny fotoana manaraka"

**nampahafantatra ny tenany**  
Nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahin'i Josefa fa izy dia rahalahin'izy ireo koa.

**ny fianakavian'i Josefa dia lasa fantatr'i Farao**  
DH: "Nahafantatra i Farao fa izy ireo dia fianakavian'i Josefa"

### Acts 7:14

**naniraka ireo rahalahiny**  
"naniraka ireo rahalahiny hiverina hoany Kanana" na "naniraka ireo rahalahiny hiverina hody"

**ary maty izy**  
Ataovy izay tsy ahatonga ilay izy hanambara hoe raha vao tonga tao Egypta izy dia maty. DH: "ary maty izy ny farany"

**izy sy ireo razantsika**  
"i Jakoba sy ireo zanany lahy izay lasa razambe"

**Nolanjaina ho any Sekema izy ireo ary nalevina**  
DH: "Nolanjain'ireo taranak'i Jakoba ny vata-mangatsiaka an'i Jakoba sy ireo zanany lahy ... ary nalevin'izy ireo"

**tamin'ny volafotsy**  
"tamin'ny vola"

### Acts 7:17

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny "antsika" eto dia miresaka an'i Stefana sy ny mpihaino azy.

**ilay fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama, dia nihamaro sy nitombo**  
Ao amin'ny teny sasany izany dia mety manampy ny milaza fa nitombo an'isa mialohan'ny hilazana fa tonga ny fotoan'ilay fampanantenana.

**nanakaiky ny fotoanan'ilay fampanantenana**  
Izany dia nanakaiky hanantaterahin'Andriamanitra ny fampanantenany tamin'i Abrahama.

**mandra-pitsangan'ny mpanjaka hafa**  
"mpanjaka hafa no nanomboka hanapaka"

**tao Egypta**  
"Egypta" dia manambara ireo olona tao Egypta. DH: "ny olona tao Egypte"

**izay tsy nahafantatra ny momba an'i Josefa**  
eto "Josefa" dia manambara ny lazan'i Josefa. DH: "iza no tsy mahafantatra fa i Josefa dia nanampy an'i Egypta"

**nampahory ireo razantsika**

"nametsy ireo razambe antsika" na "nampijaly ireo razambe antsika"

**handao ny zanak'izy ireo**

hisaraka amin'ny zanak'izy mba ho faty izy ireo avy eo

**Acts 7:20****Tamin'izany fotoana izany i Mosesy no teraka**

Io dia mampiditra an'i Mosesy ao anatin'ny tantara.

**tsara teo anatrehan'Andriamanitra**

Io fehezanteny io dia fomba fiteny izay midika fa i Mosesy dia tsara.

**notaizana**

DH: "Nikarakara azy ny ray aman-dreniny"

**Rehefa navoaka teny ivelany izy**

I Mosesy dia "navoaka teny ivelany" noho ny didin'i Farao. DH: "Rehefa napetrak'ireo ray aman-dreniny tany ivelany izy" na "nilaozan'ireo izy"

**tahaka ny zanany lahy**

"notaizany tahaka ny zanaka naterany"

**Acts 7:22****I Mosesy dia nampianarina**

DH: "Ireo Egyptisnina no nanabe an'i Mosesy"

**rehetra nananan'ny Egyptianina**

Io dia fanitarana mba hanamafisana fa izy dia nahazo fanabeazana avo dia avo.

**nahery tamin'ny teniny sy ny asany**

"nahomby tamin'ny teny sy izay nataony"

**tonga tao am-pony**

"nieritreritra ary nanapa-kevitra izy." Izany dia fomba fiteny izay midika fa "nanapa-kevitra izy"

**ireo rahalahiny, zanak'Israely**

Izany dia maneho ireo olony fa tsy ny fianakaviany ihany. DH: "nijery izay ataon'ny olony, ny zanak'Israely"

**Nahita israelita iray izay nampahoriana izy, niaro azy i Mosesy sady namaly an'ilay izay nampahory azy tamin'ny famonona ilay Egyptianina**

DH: "nahita Egyptianina iray nampijaly Israelita i Mosesy dia niaro ilay Israelita ary nikapoka ilay Egyptianina izay nampahory azy"

**fikapohana ilay Egyptianina**

Nokapohan' i Mosesy mafy ilay Egyptianina ka nitarika ny fahafatesany.

**tamin'ny alalan'ny tanany Andriamanitra no nanavotra azy ireo**

"nanavotra azy ireo tamin'alalan'i Mosesy" na "nampiasa an'i Mosesy mba hanavotana azy ireo"

**Acts 7:26****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "isika" dia maneho ireo Israelita ary i Mosesy dia tsy ao anatin'ny.

**ireo Israelita sasany**

Ny mpihaino dia mahafantatra tamin'ny alalan'ny tantaran'i Eksodosy fa izy ireo dia lehilahy roa fa tsy nofaritan'i Stefana mazava tsara.

**nampitony ny tsirairay avy izy**

"nampitsahatra azy ireo tsy hiady"

**Ry lehilahy, ianareo dia mpirahalaha**

Niresaka tamin'ireo Israelita izay niady i Mosesy.

**maninona ianareo no mifandratra?**

Nametraka io fanontaniana io i Mosesy mba handrisika azy ireo hijanona tsy hiady. DH: "Ianareo dia tsy tokony hifandratra!"

**Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy hitsara anay?**

Nametraka io fanontaniana io ilay lehilahy mba hitenena mafy an'i Mosesy. DH: "tsy manana fahefana eo aminay enao!"

**Tianao ve ny hamono ahy, tahaka ny namononao ilay Egyptianina omaly**

Nametraka io fanontaniana io ilay lehilahy mba hampitandremana an'i Mosesy fa izy sy ny hafa dia nahafantatra fa i Mosesy no namono ilay Egyptianina.

**Acts 7:29****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny mpihaino an'Stefana dia efa nahafantatra fa i Mosesy dia nanambady an'i vehivavy Midianita rehefa nandositra an'Egypta

**rehefa nandre izany**

Ny tian'io ho lazaina dia i Mosesy dia nahafantatra fa ireo Israelita dia nahalala fa izy dia namono Egyptianina iray ny andro mialoha (7:26)

**Rehefa dila ny efapolo taona**

"Rehefa dila ny efapolo taona." Io ny fotoana niainan'i Mosesy tao Midiana. DH: "efapolo taona taorian'ny nandositra an'i Mosesy tany Egypta"

**nisy anjely iray nipotra**

Ny mpihaino an'i Stefana dia nahafantatra fa i Andriamanitra no niteny tamin'ny alalan'ilay anjely.



**Acts 7:31****talanjona izy**

Taitra i Mosesy fa tsy nirehitra ilay lobolobo tao anatin'ilay afo. DH: "satria ilay lobolobo dia tsy nirehitra"

**rehefa nanatona izy ka nijery ilay izy, indro avy any nisy feon'ny Tompo niteny hoe: 32"**Izaho no Andriamanitr'ireo razanao, Andriamanitr'Abrahama, sy Isaka, ary Jakoba." Nangovitra i Mosesy ary tsy sahy nijery

Io dia mety midika fa nanatona ilay lobolobo i Mosesy mba hijery fa nihemotra kosa noho ny tahotra rehefa avy nandre ilay feo.

**Izaho no Andriamanitr'ireo razanao**

"Izaho no Andriamanitra izay nivavahan'ireo razambe anao"

**Nangovitra i Mosesy**

DH: "Nangovitra noho ny tahotra i Mosesy"

**Acts 7:33****Esory ny kapa**

Niteny izany an'i Mosesy Andriamanitra mba ho fanomezam-boninahitra Azy.

**fa io toerana izay hijorona io dia tany masina**

Ny fampahafantarana tiana ho lazaina eto dia izay toerana hisehoan'Andriamanitra dia ny faritra rehetra manodidina an'io dia raisina ho tany masina noho i Andriamanitra.

**hitako tokoa**

Ny teny hoe "tokoa" dia manamafy ilay zavatra hita.

**vahoakako**

Io dia manamafy fa ireo olona ireo dia an'Andriamanitra. DH: "Ireo taranak'i Abrahama, Isaka, ary i Jakoba"

**efa nidina nanavotra azy ireo**

"ny tenako no hanafaka azy ireo"

**koa ankehitriny**

"miomana." Eto Andriamanitra dia nanome baiko

**Acts 7:35****Fampafantarana amin' ny ankapobeny**

Ny andininy faha 35-38 dia ahitana karazana fehezanteny mifandray amin'i Mosesy. Ary isakin'ny fehezanteny dia miantomboka amin'ny filazana toy ny hoe: "Ilay Mosesy" na "Izany Mosesy izany ihany" na "Izy ilay lehilahy". Raha mety dia fehezanteny tahaka ireo ihany ampiasaina mba hanamafisana an'i Mosesy.

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Rehefa niala tao Egypta ireo Israelita dia nirenireny tany an'efitra nandritran'ny 40 taona mialohan'ny

nitondran'Andriamanitra azy ireo tany amin'ilay tany nampanantenainy azy ireo.

**Io ilay Mosesy izay nolavin'izy ireo**

Io dia manambara ireo tranga tao amin'ny 7:26

**Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy ho mpitsara?**

Io fanontaniana io dia nampiasaina mba hitenenana mafy an'i Mosesy. DH: "Ianao dia tsy manana fahefana aminay!"

**mpanapaka no mpanavotra**

"hanjaka anay ary hanafaka anay amin'ny fanandevozana"

**tamin'ny alalan'ny tanan'ilay anjely**

"tamin'ny alalan'ny anjely"

**nandritran'ny efapolo taona**

Ny mpihaino an'Stefana dia nahafantatra momban'ny efapolo andro nipetrahan'ireo Israelita tany an'efitra. DH: "nandritran'ilay 40 taona izay niainan'ireo Israelita tany an'efitra."

**hanangana mpaminany**

hanendry lehilahy iray hafa ho mpaminany"

**eo amin'ny rahalahinareo**

"eo amin'ny vahoakanareo"

**Acts 7:38****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny nindramina avy ao amin'ny andininy faha 40 dia nosoratan'i Mosesy.

**This is the man who was with our fathers**

"Io ilay Mosesy izay anisan'ireo Israelita"

**Izy ilay lehilahy**

Ny fehezanteny " Izy ilay lehilahy" mandritra ity andalana ity dia manambara an'i Mosesy.

**izy ilay lehilahy izay nandray ny teny velona zaraina ho antsika**

Andriamanitra dia ilay tokana izay manome ireo teny. DH: "izy ilay lehilahy izay niresahan'Andriamanitra teny velona mba ho atolotra antsika"

**teny velona**

Ireo mety ho dikany 1) "ilay hafatra izay maharitra" na 2) "teny izay manome fiainana"

**natosik'izy ireo lavitra azy ireo izy**

Io dia sarinteny mba hanamafisana ny fandavan'izy ireo an'i Mosesy. DH: "nolavin'izy ireo izy ho mpitarika azy ireo izy"

**any ampon'izy ireo dia niverina**

"izy ireo dia naniry ny hiverina"

**Tamin'io fotoana io**

"rehefa tapa-kevitra ny hiverina tany Egypta izy ireo"

**Acts 7:41****Fampafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny nindramin'i Stefana eto dia nalaina tao amin'ny mpaminany Amosy

**nanao omby lahy kely**

Ny mpihaino an'i Stefana dia nahafantatra fa ilay omby lahy kely iay nataon'izy ireo dia tsanga-bato. DH: "nanao tsanga-bato izay miendrika omby lahy kely izy ireo"

**omby lahy kely ... ilay sampy ... asan-tanany izy ireo**

Ireo fehezanteny rehetra ireo dia manambara mahakasika ila tsanga-baton'ilay omby lahy kely.

**Andriamanitra nitodika**

"nitodika Andriamanitra" io fihetsika io dia manambara ny tsy fahafalian'Andriamanitra tamin'ireo olona ary tsy hanampy azy ireo intsony. DH: "Nijanona tsy nanampy azy ireo Andriamanitra"

**namela azy ireo**

"tsy nitahy azy ireo"

**ireo kintana eny an-danitra**

Ireo mety ho dikany 1) ireo kintana ihany na 2) ny masoandro, volana ary ireo kintana.

**ny bokin'ny mpaminany**

Io dia tahiry misy ny tantara nosoratan'ireo mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha tamin'ny horonan-taratasy. Ary ireo soratr'i Amosy koa dia ao.

**Ianareo ve nanolotra ahy biby maty sy fanatitra nandritrin'ny efapolo taona tao an'efitra, tranon'ny Israely?**

Nametraka io fanontaniana io Andriamanitra mba hampisehoana an'Israely fa izy ireo dia tsy nidera Azy tamin'ireo sorona. DH: "Tsy nanome voninahitra Ahy ianareo rehefa nanolotra biby maty sy ireo sorona ... Israely"

**tranon'ny Israely**

Io dia manambara ny firenena Israelianina manontolo. DH: "ianareo Israelita rehetra"

**Acts 7:43****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Stefana dia nanohy ny valinteniny tamin'ny mpisoronabe sy ny filan-kevitra izay natombony tao amin'ny 7:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Mitohy eto izay voalazan'ny mpaminany Amosy.

**Nekenareo**

Izany dia midika fa nentin'izy ireo niaraka tamin'izy ireo nandeha tany an'efitra ireo sampy. DH: "nentinareo nanaraka anareo isakin'ny toerana iray"

**tabernakelin'i Moloka**

Ilay lay izay nampiantranona ilay andriamanitra sandoka Moloka

**ny kintan' andriamanitra Refana**

Ireo kintana izay voamarina fa niaraka tamin'ny andriamanitra sandoka Refana

**ireo sary izay ataonareo**

Izy ireo dia nanao sary na tsanga-baton'ny andriamanitra moloka sy Refana mba hivavahana amin'izy ireo.

**izaho hitondra anareo mihoatran'i Babylona**

"Izaho hanala anareo any amin'ireo toerana mbola lavitran'i Babylona." Izany no .fitsaran'Andriamanitra

**Acts 7:44****tabernakelin'ny fijoroana vavolombelona**

Ilay lay izay nametrahana ilay vata nisy vato voasokitra misy ireo didy folo.

**tabernakelin'ny fijoroana vavolombelona ... ilay tranolay**

Ireo fehezanteny roa ireo dia maneho hevitra mitovy

**ireo fananan'ireo firenena**

"amin'ireo fananan'ireo firenena." Tafiditra ao anatin'izany ny tany, trano, vokatra, biby fiompy sy ireo fananan'ny firenena rehetra izay azon'Israely.

**ireo firenena**

io dia manambara ireo olona izay efa niaina teo amin'ilay tany mialohan'Israely. DH: "ny olona izay niaina taloha teto"

**nitoetra tao amin'ilay tany nandritry ny andron'i Davida**

Ilay vata dia nipetraka tao anatin'ilay tranolay nandritran'ny andron'i Davida mpanjakan' Israely.

**toerana honenana ho an'Andriamanitr'i Jakoba**

"trano hoan'ilay vata izay sady afaka hipetrahan'i Davida." I Davida izay nitady toerana hoasina ilay vata mba hitoerany ao Jerosalema fa tsy ao anaty lay.

**Acts 7:45****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 49 sy 50, i Stefana dia nindran ny tenin'i Isaia mpaminany. Voalaza tao fa Andriamanitra niresaka momban'ny tenany.

**vita tamin'ny tanana**

"nataon'ny olona"

**Ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoeran-tongotra**

Ny mpaminany dia nampitaha ny alehiben'ny fanatrehan'Andriamanitra amin'ny tsy afahan'ny olombelona manambotra toerana hitoeran'Andriamanitra eto an-tany nanomboka tamin'ny naha lasa ny tany manontolo ho toerana fitoeran'ny tongony fotsiny ihany.

**Trano toy inona no afaka hamboarinao ho ahy?**

Nametraka io fanontaniana io Andriamanitra mba ampisehoana ny maha tsy misy dikany ireo ezaka ataon'ny olombelona amin'ny fikarakara an'Andriamanitra. DH: "Ianareo dia tsy afaka ny hanangana trano mendrika ahy!"

**aiza ny toerana hitsaharako?**

Nametraka io fanontaniana io Andriamanitra mba ampisehoana ny olona fa tsy afaka ny hamatsy Azy izy ireo. DH: "Tsy misy toerana tsara ampy hitsaharako!"

**Tsy tanako ve no nanao ireo zavatra rehetra ireo?**

Nametraka io fanontaniana io Andriamanitra mba ampisehoana ny olona fa tsy namorona na inona na inona izy ireo. DH: "Ny tanako no nanao ireo zavatra rehetra ireo!"

## Acts 7:51

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tamin'ny fitenenana mafy nefa tamin-panajana no namaranan'i Stefana ny valinteniny tamin'ny mpisoronabe sy ny filan-kevitra izay niantomboka tao amin'ny 7:1 .

**Ireo olona izay mafy hatoka**

I Stefana dia nisarika tamin'ny famantarana niaraka tamin'ireo mpitarika Jiosy mba hitenenany mafy azy ireo

**mafy hatoka**

Io dia tsy midika hoe mafy ny hatok'izy ireo fa hoe "mafy loha"izy ireo."

**tsy voafora ao am-po sy sofina**

Ireo Jiosy dia nandray ireo olona tsy voafora ho tsy mankatoka an'Andriamanitra. Nampiasa ny "fo" sy "sofina" i Stefana eto mba hisolona tena ireo mpitarika Jiosy izay nanao toy ny fanaon'ny Jentilisa rehefa tsy manao na tsy mihaino an Andriamanitra izy ireo. DH: Ianareo dia mandà tsy hankatoa sy hihaino"

**Iza tamin'ireo razanareo no tsy nanenjika mpaminany?**

Nametraka io fanontaniana io i Stefana mba nampisehoana azy ireo fa tsy nandray lesona tamin'ny lesok'ireo razambe izy ireo. DH: "Novonoin'ireo razambe anareo ny mpaminany rehetra"

**ilay Fahamarinana**

Io dia manambara an'i Kristy ilay Messia.

**ianareo dia lasa mpamadika sy mpamono azy koa**  
"ianareo dia namadika sy namono Azy"

**mpamono azy**

"mpamono ilay fahamarinana" na "mpamono an'i Kristy"

**ny lalàna izay napetrak'ireo anjely**

"ireo lalàna izay nataon'Andriamanitra mba omen'ireo anjely hoany ireo razambe antsika"

## Acts 7:54

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nihetsi-po ny filan-kevitra tamin'ireo tenin'i Stefana.

**Ary rehefa naheno ireo zavatra ireo ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra**

Eto no fiolanana lehibe; tapitra ny toriteny ary namaly ireo mpikambana tao amin'ny filan-kevitra.

**tohina ny fo**

"tena tezitra"

**nihidy vazana izy ireo tamin'ny Stefana**

Izany fihetsika izany dia mampiseho ny abean'ny hatezerana na fankahalan'i Stefana. DH: "Izy ireo dia lasa tezitra mafy ka niaraka nanidy ny vazan'izy ireo"

**nijery tsara ny lanitra**

"nandinika ny lanitra." Tamin'i Stefana ihany no nisehoan'ilay fahitana fa tsy ny rehetra teo amin'ny vahoaka.

**nahita ny voninahitr'Andriamanitra**

Ny olona raha ny tokony ho izy dia niaina ny voninahitr'Andriamanitra tahaka ny tara-pahazavana. DH: "nahita tara-pahazavana avy amin'Andriamanitra"

**mijoro eo ankavanana' Andriamanitra."**

Ny fehezanteny "eo ankavanana' Andriamanitra" dia fomba fiteny izay manambara ny toeram-boninahitra. DH: "mijoro eo amin'ny toeram-boninahitra akaikin'Andriamanitra"

**zanak'olona**

I Stefana dia manambara an'i Jesosy smin'ny fiantsona azy hoe "zanak'olona"

## Acts 7:57

**notapenan'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ny sofina'izy ireo**

Nametraka ny tanan'izy ireo teo amin'ny sofina'izy ireo nampisehoana fa tsy te handre intsony izay lazain'i Stefana izy ireo.

**Notaritin'izy ireo ivelan'ny tanàna**

"Nosamborin'izy ireo i Stefana ary nentin'izy ireo tamin-kery hivoaka ny tanàna"

**teo amin'ny tongotra**

"teo anoloanan'ny." Napetraka teo izany mba ahafahan'i Saoly mahita azy.

**ilay zaza lahy**

I Saoly dia nanodidina ny 30 taona tamin'izany fotoana izany.

**Acts 7:59**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana ny tantaran'i Stefana.

**raiso ny fanahiko**

"alaivo ny fanahiko." Tsara raha ampina "mba miangavy" mba ampisehoana fa fangatahana io.  
DH: "mba miangavy, raiso ny fanahiko"

**Nandohalika izy**

Izany dia fihetsika atao ampisehoana fa manaiky an'Andriamanitra.

**aza tazomina izao ota izao hanoherana azy ireo**

DH: "avelao ny helok'izy ireo tamin'izao ota izao

**Resitory**

Io dia fomba fiteny mihaja nentina hilazana hoe  
"maty"

---

## Chapter 8

<sup>1</sup> Nanaiky ny fahafatesany i Saoly. Ka nanomboka tamin'io andro io ny fanenjeana lehibe hanoherana ny fiangonana izay tao Jerosalema; ary ireo mpino rehetra dia niparitaka nanerana ireo faritry Jodia sy Samaria, ankoatra ireo apostoly. <sup>2</sup> Ireo lehilahy matahotra an'Andriamanitra dia nandevina an'i Stefana ary nanao hira fisaonana azy. <sup>3</sup> Fa Saoly dia nanimba tanteraka ny fiangonana; nitety trano izy ary naka ireo lehilahy sy ireo vehivavy, ary nandefa azy ireo tany an-trano maizina. <sup>4</sup> Fa ireo mpino izay niparitaka dia nandeha nitory ny teny. <sup>5</sup> Filipo dia nidina tany amin'ny tanàn-dehiben'ny Samaria ary nitory an'i Kristy tamin'izy ireo. <sup>6</sup> Rehefa nandre sy nahita ireo famantarana izay nataon'i Filipo ny vahoaka maro, dia nifantoka tsara tamin'izay nolazainy izy ireo. <sup>7</sup> Ireo fanahy maloto dia nivoaka tamin'ireo maro izay nidirany, nihiaka mafy, ary maro tamin'ireo malemy sy kilemaina no sitrana. <sup>8</sup> Noho izany dia nisy fifaliana lehibe tao amin'ilay tanàn-dehibe. <sup>9</sup> Fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Simona tao amin'ny tanàn-dehibe, izay vao haingana no nilalao ody; matetika nampitolagaga ireo vahoakan'ny Samaria izy, rehefa manambara fa izy dia olona manan-danja. <sup>10</sup> Ireo Samaritana rehetra, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, dia nihaino tsara azy; ary hoy izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia ilay fahefan' Andriamanitra izay antsoina hoe Lehibe." <sup>11</sup> Izy ireo dia nihaino azy, satria izy dia nampitolagaga azy ireo efa nandritry ny fotoana ela tamin'ireo odiny. <sup>12</sup> Fa rehefa nino an'i Filipo izy ireo noho izy nitory ny filazantsara momba ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy, dia natao batisa izy ireo, na ireo lehilahy na ireo vehivavy. <sup>13</sup> Na i Simona aza dia nino, ary taorian'ny nanaovana batisa azy dia nijanona niaraka tamin'i Filipo foana izy. Rehefa nahita ireo famantarana sy asa lehibe izay niseho izy, dia gaga. <sup>14</sup> Ary rehefa henon'ireo apostoly ao Jerosalema fa nandray ny tenin'Andriamanitra Samaria, dia nalefan'izy ireo tany amin'izy ireo i Petera sy Jaona. <sup>15</sup> Rehefa nidina izy ireo, dia nivavaka ho azy ireo izy ireo, mba mety handraisana izy ireo ny Fanahy Masina. <sup>16</sup> Fa nandrapahatongan'izany fotoana izany, dia mbola tsy nisy nilatsahan'ny Fanahy Masina mihitsy izy ireo; fa vita batisa tamin'ny anaran'i Tompo Jesosy fotsiny ihany. <sup>17</sup> Avy eo i Petera sy Jaona dia nametraka ny tanany teo amin'izy ireo, ary dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo. <sup>18</sup> Ary rehefa hitan'i Simona fa ny Fanahy Masina dia natolotra teo an-tanan'ireo apostoly tamin'ny alalan'ny fametrahana-tanana, dia nomeny vola izy ireo. <sup>19</sup> Hoy izy hoe: "Omeo ahy ihany koa izany fahefana izany, ka izay rehetra ametrahako tanana dia mety handray ny Fanahy Masina." <sup>20</sup> Fa hoy i Petera taminy hoe: "Ho levona miaraka aminao anie ny volafotsinao, satria ianao nieritreritra ny hahazo ny fanomezana Andriamanitra amin'ny alalan'ny vola. <sup>21</sup> Ianao dia tsy manana anjara na ampahany amin'izany zavatra izany, satria ny fonao dia tsy marina amin'Andriamanitra. <sup>22</sup> Noho izany mibebaha amin'ny faharatsiana, ary mivavaha amin'ny Tompo, sao mba mety hamela ny fanirian'ny fonao Izy. <sup>23</sup> Fa izaho mahita fa ianao dia voapozin'ny lolom-po sy voafatotry ny fahotana ianao." <sup>24</sup> Simona namaly ary niteny hoe: "Mivavaha amin'ny Tompo ho ahy, mba tsy hisy hitranga amiko ireo izay nolazainao." <sup>25</sup> Rehefa nijoro vavolombelona sy nanambara ny tenin'ny Tompo izy ireo, dia niverina tany Jerosalema i Petera sy Jaona, nitory ny filazantsara tamin'ireo tanàna maro ao Samaritana. <sup>26</sup> Ary nisy anjelin'ny Tompo niresaka tamin'i Filipo sady niteny hoe: "Mitsangàna ary mandehana mianatsimon'ny lalana midina avy any Jerosalema mankany Gaza." (Io lalana io dia any an'efitra.) <sup>27</sup> Dia nitsangana izy ary nandeha. Indro, nisy lehilahy avy any Etiopia, tandapan'ny Kandasy, mpanjaka vavin'ireo Etiopiana. Izy no niandraikitra ny haren'ny rehetra. Tonga tany Jerosalema izy mba hidera. <sup>28</sup> Ary nody izy ka nipetraka teo amin'ny kalesany, ary namaky ny tenin'i Isaia mpaminany. <sup>29</sup> Ary ilay fanahy niteny tamin'i Filipo hoe: "Mandehana ary aza miala lavitra an'io kalesy io." <sup>30</sup> Ka dia nihazakazaka nanatona azy izy, ary nandre azy namaky ny teny tao amin'Isaia mpaminany, ary niteny hoe: "Azonao ve io vakiana io?" <sup>31</sup> Niteny ilay Etiopiana nanao hoe: "Ahoana no hahafantarako, raha tsy misy olona mitari-dalana ahy?" Niangavy an'i Filipo izy mba hanatona ny kalesa ary hipetraka hiaraka aminy. <sup>32</sup> Ary ny andalan-tsoratra masina izay novakian'ilay Etiopiana dia nanao hoe: "Noentina ho vonoina tahaka ny ondry izy, ary tahaka ny zanak'ondry moana eo anoloan'ny mpanety azy, noho izany dia tsy niloa-bava izy. <sup>33</sup> Fa tamin'ny fanalam-baraka azy dia nesorina taminy ny rariny. Iza no afaka hamaritana tanteraka ireo taranany? Nohon'ny ainy nesorina teto an-tany." <sup>34</sup> Noho izany dia nanontany an'ilay tandapa i Filipo, nanao hoe: "Mitalaho aminao aho, iza no resahan'io mpaminany io, ny tenany ihany ve, sa olon-kafa?" <sup>35</sup> Nanomboka niteny i Filipo, ary nanomboka tamin'izany soratra masina izany no nitoriany ny filazantsara momba an'i Jesosy taminy. <sup>36</sup> Rehefa nandeha teny an-dalana izy ireo, dia nanatona teny amin'izay nisy rano izy ireo ary hoy ilay tandapa hoe: "Indro, misy rano eto. Inona no mahasakana ahy tsy atao batisa?" <sup>37</sup><sup>1</sup><sup>38</sup> Ka nasain'ilay Etiopiana najanona ilay kalesa. Nidina nankeny amin'ny rano izy ireo, i Filipo sy ilay tandapa, ary nataon'i Filipo batisa izy. <sup>39</sup> Rehefa nivoaka ny rano izy ireo, dia noentin'ny Fanahin'ny Tompo i Filipo, ka tsy hitan'ilay tandapa intsony izy, fa nandeha tam-pifaliana teny amin'ny lalany. <sup>40</sup> Fa i Filipo dia niseho tany

Azota ary nitety io faritra io izy, nitory ny filazantsara eraky ny tanan-dehibe rehetra mandrapahatongany tany Kaisaria.

## Footnotes

8:37 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Hoy Filipo hoe: "Raha mino amin'ny fonao manontolo ianao, dia afaka atao batisa." Ilay Etiopiana namaly hoe: "Mino aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra."

## Acts 8:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Amin'ity andininy ity ny tantara dia niala avy tamin' i Stefana ary mifindra any amin'i Saoly.

### Ka nanomboka ... ankoatra ireo apostoly

Ny fizaran'ity andininy 1 ity dia mampahafantatra ny moban'ny fanejehana izay nanomboka taorian'ny nahafatesan'i Stefana. Io dia manazava ny antony nanenjehan' i Saoly ireo mpino ao amin'ny andininy faha 3.

### tamin'io andro io

Ilay andro nahafatesan'i Stefana. (jereo: 7:59)

### ireo mpino rehetra dia niparitaka

Io dia filazana masaka mba hanehoana fa betsaka ny isan'ireo mpino nandao an'i Jerosalema noho ny fanenjehana.

### ankoatra ireo apostoly

Io fanambarana io dia midika fa mbola nijanona tao Jerosalema irep Apostoly na dia niharan'ny fanenjehana lehibe ary izy ireo.

### Ireo lehilahy matahotra an'Andriamanitra

'Lehilahy izay matahotra an'Andriamanitra"

### nanao hira fisaonana azy

"nanao fisaonana lehibe tamin'ny fahafatesany"

### naka ireo lehilahy sy ireo vehivavy

Naka an-kery ireo mpino Jiosy tao an-tranony i Saoly ary nandefa azy ireo tany am-ponja.

### ireo lehilahy sy ireo vehivavy

Io dia manambara ireo lehilahy aman-behivavy izay nino an'i Jesosy.

## Acts 8:4

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity no manomboka ny tantaran'i Filipo izay nofidian'ny olona ho diakona.

### izay niparitaka

Ny antony ny niparitahana, fanenjehana dia efa voalaza tany aloha. DH: "izay nitsaoka ny fanenjehana lehibe ary nandeha"

### nidina teny an-tanàn-dehiben'ny Samaria

Ny teny "nidina" no nampiasaina teto satria i Samaria dia iva kokoa raha ampitahana amin'i Jerosalema.

### nitory an'i Kristy tamin'izy ireo

Ny fiantsoana hoe "Kristy" dia manambara an'i Jesosy, ilay Messia DH: "niteny azy ireo fa i Jesosy dia ilay Messia"

## Acts 8:6

### ny vahoaka maro

"vahoaka maro tao amin'ny tanànan'i Samaria," Ilay toerana misy azy dia efa voalaza tany aloha. (jereo: 8:4)

### nifantoka tsara tamin'izay nolazainy izy ireo

Ny antony nifantohan'ny olona dia noho ireo fanasitranana izay nataon'i Filipo.

### Ireo fanahy maloto dia nivoaka tamin'ireo maro izay

#### nidirany, nihiaka mafy

"ny fanahy maloto dia nihiaka mafy tahak'ireny avy any anaty lavaka reny"

### nisy fifaliana lehibe tao amin'ilay tanàn-dehibe

Ny teny "tanàn-dehibe"dia manambara ireo olona izay faly. DH: "ary ireo olona teo an-tànana dia nifaly"

## Acts 8:9

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

I Simona dia nampidirina tao amin'ny tantaran'i Filipo. Ny andininy faha 9 hatramin'ny 11 dia mampafantatra momban'i Simona sy iza izy teo anivon'ireo Samaritana.

### Fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Simona

Izany no fomba fampidirana olona vaovao ao anatin'ny tantara. Ny fiteninany dia mety hampiasa voanbolana hafa ampidirana olona vaovao ao anaty tantara.

### tanàn-dehibe

"ilay tanàna tao Samaria"

### Ireo Samaritana

Io dia fanitarana. DH: "maro tamin'ireo samaritana tao an-tanàna"

**manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra**  
DH: "tsy ankanavaka"

**Io lehilahy io dia ilay fahefan' Andriamanitra izay antsoina hoe Lehibe**  
Ireo olona dia milaza fa i Simona dia fahefan' Andriamanitra fantatra amin'ny hoe "ilay fahefana lehibe."

**ilay fahefan' Andriamanitra izay antsoina hoe Lehibe**  
Ireo mety ho handikana azy 1) ilay lehilahy tena mahery; 2) Andriamanitra

## Acts 8:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ireto andininy ireto dia manome fanazavana bebe kokoa momban'i Simona sy ireo Samaritana sasany tonga mba hino an'i Jesosy.

**natao batisa izy ireo**  
DH: "nataon'i Filipo Batisa izy ireo" na "nanao Batisa ireo mpino vaovao i Filipo"

**Na i Simona aza dia nino**  
DH: "I Simona ihany koa dia anisan'ny ray amin'ireo izay nino"

**nanaovana batisa azy**  
DH: "nanao Batisa an'i Simona i Filipo"

**Rehefa nahita ireo famantarana sy asa lehibe izay niseho izy, dia gaga**  
"gaga i Simona rehefa nahita an'i Filipo nanao ireo famantarana sy fahagagana lehibe"

## Acts 8:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
I Lioka dia nanohy nitantara ireo vaovaon'izay zavamitranga tao Samaria.

**Ary rehefa henon'ireo apostoly ao Jerosalema**  
Ity dia manamarika ny fanombohan'ny fizarana vaovao amin'ny nahalasa mpino ireo Samaritana.

**Samaria**  
Io dia manambara ireo olona be dia be izay lasa mpino nanerana ny distrikan'i Samaria.

**handraisan'izy ireo**  
"nanaiken'izy ireo" na "ninoan'izy ireo"

**Rehefa nidina izy ireo**  
"rehefa nidina i Petera sy Jaona"

**nidina**  
Nampiasana io teny io teto satria i Samaria dia iva raha ampitahaina amin'i Jerosalema.

**nivavaka ho azy ireo izy ireo**  
"nivavaka hoan'ireo mpino Samaritana i Jaona sy Petera"

**mba mety handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina**  
"mba mety handraisan'ireo Samaritana ny Fanahy Masina"

**vita batisa tamin'ny anaran'i Tompo Jesosy fotsiny ihany**  
DH: "ireo mpino samaritana ihany no nataon'i Filipo Batisa"

**Petera sy Jaona dia nametraka ny tanany teo amin'izy ireo**  
Ny teny "izy ireo" eto dia manambara ireo olona Samaritana izay nino ny hafatrin'ny filazantsaran'ny Stefana.

**nametraka ny tanany teo amin'izy ireo**  
Izany fihetsika izany dia mampiseho fa i Petera sy Jaona dia naniry an'Andriamanitra mba hanome ny Fanahy Masina hoan'ireo mpino.

## Acts 8:18

**ny Fanahy Masina dia natolotra teo an-tanan'ireo apostoly tamin'ny alalan'ny fametrahana-tanana**  
DH: "ireo Apostoly dia nanome ny Fanahy Masina tamin'ny fametrahana tanana tamin'ireo olona"

**izay rehetra ametrakako tanana dia mety handray ny Fanahy Masina**  
"mba afahako manome ny Fanahy Masina ho an'ny izay rehetra hametrakako tanana."

## Acts 8:20

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny ianao, anao, azy dia maneho an'i Simona.

**Ho levona miaraka aminao anie ny volafotsinao**  
"enganie ianao sy ny volanao ho potika"

**ny fanomezan'Andriamanitra**  
Izany eto dia manambara ny fahafahan'Andriamanitra manome ny Fanahy Masina amin'ny fametrahana tanana amin'ny olona.

**Ianao dia tsy manana anjara na fizarana amin'izany zavatra izany**  
DH: "ianaosy dia mety tsy andray anjara amin'io asa io"

**ny fonao dia tsy marina**  
Ny teny "fo"eto dia manambara ny fisainany. DH: "ny fisainanao dia tsy marina"

**ny fanirian'ny fonao**  
"ny hividiana ilay fahafahana manome Fanahy Masina amin'ireo hafa"

**faharatsianao**  
"ireo sain-dratsy"

**voapozin'ny lolom-po**  
Io dia fomba fiteny izay midika hoe "be fialonanaloatra"

**voafatotry ny fahotana**  
ny teny "fahotana" eto dia resahana tahaka ny zavatra izay mangeja sy mitazona azy gadra. DH: "gadran'ny fahotana"

## Acts 8:24

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny "ianareo" dia mananbara an'i Petera sy Jaona.

**tsy hisy hitranga amiko ireo izay nolazainao**  
DH: "ireo zavatra ... dia mety tsy hitranga amiko"

**tsy hisy hitranga amiko ireo izay nolazainao**  
Io dia maneho ilay teny mafin'i Petera momban'ny fahafatesan'ny volafotsin'i Simona miaraka aminy.

## Acts 8:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Ity dia mamintina ny fizaran'ny tantara momban'i Simona sy ireo Samaritana

**nijoro vavolombelona**  
I Petera sy Jaona dia niteny izay fantan'ny tenan'izy ireo manokana momban'i Jesosy tamin'ireo samaritana

**nanambara ny tenin'ny Tompo**  
Nanazava ilay hafatra momban'i Jesosy tamin'ireo samaritana i Petera sy Jaona

**tamin'ireo tanàna maro ao Samaritana**  
Éto ny "ireo tanàna" dia nanambara ireo olona ao anatin'izy ireo. DH: "ho an'ireo olona manerana ireo tanàn'ny samaritana"

**vavolombelona sy nanambara ny tenin'ny Tompo**  
Nanazava ilay hafatra momban'i Jesosy tamin'ireo samaritana i Petera sy Jaona

## Acts 8:26

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Eto no manomboka ny fizaran'ny tantara momban'i Filipo sy ilay avy ant Etiopia

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny andininy faha 27 dia manome fanazavana momban'ilay lehilahy avy any Etiopia.

**Ary**  
Io dia manammarika tetezamita ao amin'ny tantara

**Mitsangàna ary mandehana**  
Ireo teny roa ireo dia nampiasaina miaraka mba hanamafy fa izy dia tokony hivonona handeha amin'ilay dia izay aharitra fotoana lava. DH: "Mivonona ary mandehana"

**midina avy any Jerosalema mankany Gaza**  
Ny teny "midina" no nampiasaina teto satria i Jerosalema dia amin'ny toerana avo kokoa mihoatra amin'i Gaza.

**Io lalana io dia any an'efitra**  
Misy amin'ireo manam-pahazaina no mino fa i Lioka dia nanampy an'io fanehoan-kevitra mba hamaritana ilay faritra izay ho lalovan'i Filipo.

**Indro**  
Ny teny "indro" dia mampiomana antsika ny fidiran'ny olona vaovao ao anaty tantara. Ny fitenin'ny dia mety manana fomba hafa maneho ohatran'izany.

**tandapa**  
Ny fanasongadinana an'ny "tandapa" eto dia fampisehoana ny maha manam-pahefana ambony ao amin'ny fanjakana ny Etiopiana fa tsy dia any amin'ny toe-batan'izy ireo hoe novotsirina loatra.

**Kandasy**  
Izany no fiantso ireo mpanjaka vavin'i Etiopia. Izany dia mitovy amin'ny an'ireo mpanjakan'i Egipta hoe Farao.

**Tonga tany Jerosalema izy mba hidera**  
Izany dia midika fa izy dia Jentilisa izay nino an'Andriamanitra ary tonga mba hidera tao amin'ny tempolin'ny Jiosy. DH: "Izy dia tonga hidera an'Andriamanitra tao amin'ny tempolin'i Jerosalema"

**namaky ny tenin'i Isaia mpaminany**  
Ity no boky Testamenta Talohan'i Isaia. DH: "namaky ny bokin'ny mpaminany Isaia"

## Acts 8:29

**aza miala lavitra an'io kalesy io**  
Azon'i Filipo fa izy dia tokony hijanona akaikin'ilay olona mitondra ilay kalesa. DH: "manaraka ilay lehilahy tao anaty ilay kalesa"

**namaky ny teny tao amin'Isaia mpaminany**  
Ity no boky Testamenta Talohan'i Isaia. DH: ""namaky ny bokin'ny mpaminany Isaia"

**Azonao ve io vakiana io?**  
Ireo Etiopianina dia maharani-tsaina ary afaka mamaky teny saingy tsy ampy fahaizana ara-panahy. DH: "Azonao ve ny dikan'io zavatra izay vakinao io?"



**Ahoana no hahafantarako, raha tsy misy olona mitari-dalana ahy?**

Napetrany io fanontaniana io hitenenany ampahibemaso fa tsy ho azony izany raha tsy misy fanampiana. DH: "Tsy ho azoko io raha tsy misy olona hanoro ahy"

**Niangavy an'i Filipo izy mba hanatona ny kalesa ary hipetraka hiaraka aminy**

Eto izany dia manambara fa nanaiky ny hiara-dalana taminy i Filipo mba hanazava azy ny Soratra Masina.

### Acts 8:32

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia andalana avy tao amin'ny bokin'Isaia.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Izy" dia maneho an'i Messia.

**tahaka ny zanak'ondry moana eo anoloan'ny mpanety azy**

Ny mpanety eto dia ilay olona izay manapaka volon'ondry mba ho ampiasaina.

**Fa tamin'ny fanalam-baraka azy dia nesorina taminy ny rariny**

DH: "Izy dia nalam-baraka ary tsy notsarain'izy ireo amim-pahamarinana"

**Iza no afaka hamaritra tanteraka ireo taranany?**

Nampiasaina io fanontaniana io mba hanamafisana ny tsy hananany taranaka. DH: "tsy misy afaka hilaza momban'ny taranany satria tsy hisy"

**ny ainy nesorina teto an-tany**

Io dia miresaka momban'ny fahafatesany. DH: "novonoin'ny olombelona Izy" na "ny olombelona no naka ny ainy teto an-tany"

### Acts 8:34

**Mitalaho aminao aho**

"miangavy, lazao ahy"

**ny tenany ihany ve, sa olon-kafa**

DH: "miresaka momban'ny tenany sa olon-kafa io mpaminany io"

**nitoriany ny filazantsara momba an'i Jesosy taminy**

"mampianatra ireo vaovao tsara momban'i Jesosy tamin'ireo tandapa"

### Acts 8:36

**nandeha teny an-dalana izy ireo**

"nanohy ny diany teny an-dalana izy ireo"

**misy rano eto**

Eto dia tsy mazava ilay "rano" raha rano mikoriana na rano miangona. Isika dia tsy mahafantatra raha lalina ho azy ireo ny miditra tao. Mifidiana fomba fiteny mifanaraka amin'ny teninao.

**Inona no mahasakana ahy tsy atao batisa?**

Nametraka izany fanontaniana izany ny tandapa mba nangatahana alalana tamin'i Filipo mba ho atao Batisa"

**nasain'ilay Etiopiana najanona ilay kalesa**

"niteny ilay mpamilin'ilay kalesa mba hijanona"

### Acts 8:39

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto no mifarana ny fizaran'ny tantara momban'i Filipo sy ilay lehilahy avy any Etiopia. Nifarana teo amin' i Kaisara ny tantaran'i Filipo.

**tsy hitan'ilay tandapa intsony izy**

"tsy nahita an; i Filipo intsony ilay tandapa"

**i Filipo dia niseho tany Azota**

Tsy nisy fampahafantarana izay dian i Filipo hoe taiza izy no nanao Batisa ilay Etioipiana sy Azoto. Izy dia nanjavona tampoka teny an-dalana ho any Gaza ary niverina niseho tao amin'ny tanan-dehiben'i Azoto.

**io faritra io**

Io dia manambara ny faritra manodidina ilay tananan'i Azoto.

**eraky ny tanan-dehibe rehetra**

"ny tanan-dehibe rehetra ao amin'iomfaritra io"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Fa i Saoly, dia mbola niteny fandrahonana foana eny fa na hatramin'ny famonoana manohitra ireo mpianatry ny Tompo aza, nandeha tany amin'ny mpisoronabe <sup>2</sup> ary nanontany azy ireo taratasy ho an'ireo synagoga tao Damaskosy, ka raha mahita na iza na iza eo amin'ny Lalany izy, na lehilahy na vehivavy, dia entiny hifatotra any Jerosalema izy ireo. <sup>3</sup> Raha mbola nandeha izy, dia izao no nitranga rehefa tonga teo akaikin'i Damaskosy izy, tampoka teo dia nisy hazavana namirapiratra nanodidina azy avy any an-danitra; <sup>4</sup> ary nianjera tamin'ny tany izy ka nandre feo niteny taminy hoe: "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika ahy?" <sup>5</sup> Saoly namaly hoe: "Iza ianao, Tompo?" Hoy ny Tompo: "Izaho no Jesosy izay enjehinao, <sup>6</sup> fa mitsangàna, midira ao amin'ny tanàna, ary ho lazaina aminao izay tsy maintsy ho ataonao." <sup>7</sup> Ny lehilahy izay niara-dia tamin'i Saoly dia nijoro tsy nahateny, nandre ny feo, fa tsy nahita an' iza na iza. <sup>8</sup> Nitsangana avy tamin'ny tany i Saoly, ary rehefa nanokatra ny masony izy, dia tsy afaka nahita na inona na inona izy; ka notantan'izy ireo tamin'ny tanany izy ary nentina tany Damaskosy. <sup>9</sup> Tsy nahiratra izy nandritry ny telo andro, ary tsy nihinana izy no sady tsy nisotro. <sup>10</sup> Ary nisy mpianatra tao Damaskosy antsoina hoe Ananiasy. Niteny taminy tamin'ny fahitana ny Tompo: "Ananiasy!" Hoy izy: "Indro, inty aho, Tompo." <sup>11</sup> Niteny taminy ny Tompo: "Mitsangàna, ary mandehana any amin'ny lalana izay antsoina hoe Mahitsy, ary rehefa ao an-tranon'i Jodasy dia mangataka amin'ilay lehilahy avy any Tarsosy antsoina hoe Saoly, fa mivavaka izy. <sup>12</sup> Efa nahita tamin'ny fahitana ny fihavian'ny olona antsoina hoe Ananiasy izy ary hametraka ny tanany eo aminy, ka mety hahita indray izy." <sup>13</sup> Fa namaly Ananiasy hoe: "Tampo, efa nandre tamin'ny maro momba io olona io aho, mahakasika ny ratsy nataony tamin'ny olona masina tao Jerosalema. <sup>14</sup> Nanana fahefana tamin'ireo lohan'ny mpisorona izy mba hisambotra izay rehetra miantso ny anaranao eto." <sup>15</sup> Fa ny Tompo niteny taminy hoe: "Mandehana, fa izy dia fitaovana nofidiko, mba hitondra ny anarako eo anoloan'ny Jentilisa sy ireo mpanjaka ary ny zanak'Israely; <sup>16</sup> fa ho asehoko azy hoe ahoana ny fijaliany noho ny amin'ny anarako." <sup>17</sup> Ka lasa i Ananiasy, ary niditra tao amin'ny trano. Nametraka ny tanany teo aminy, dia niteny izy hoe: "Rahalahy Saoly, ny Tompo Jesosy, izay niseho tamin'ny teny an-dalana rehefa nakaty ianao, no nandefa ahy taty mba mety hahitanao ary ho feno ny Fanahy Masina." <sup>18</sup> Teo no ho eo dia zavatra toy ny kiran-trondro no niendaka avy hatrany teo amin'ny mason'i Saoly, ary nahiratra izy; nitsangana izy ary natao batisa; <sup>19</sup> ary nihinana izy ka nahazo hery. Nipetraka niaraka tamin'ireo mpianatra tao Damaskosy nandritry ny andro maro izy. <sup>20</sup> Avy hatrany dia nanambara an'i Jesosy tao amin'ny Synagoga izy, nilaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra. <sup>21</sup> Izay rehetra nandre azy dia gaga ary niteny hoe: "Tsy io olona io ve no namono ireo tany Jerosalema izay niantso tamin'io anarana io? Tonga teto izy mba haka azy ireo ho fatorana ho any amin'ny mpisorombe." <sup>22</sup> Fa lasa nihanahery i Saoly, ary nampahory ny Jiosy izay nonina tao Damaskosy ka nanaporofo fa Jesosy no Kristy. <sup>23</sup> Taorian'ny andro maromaro, niara- nanao drafitra mba hamono azy ireo Jiosy. <sup>24</sup> Fa lasa fantatr'i Saoly ny tetik'izy ireo. Ary niandry ny vavahady andro aman'alina mba hamono azy izy ireo. <sup>25</sup> Fa naka azy tamin'ny alina ireo mpianany ary namela azy hidina tamin'ny rindrina, nampidina azy tao anaty harona. <sup>26</sup> Rehefa tonga teo Jerosalema izy, dia nanandrana ny hanatona ireo mpianatra i Saoly, nefa natahotra azy daholo ireo, tsy nino fa mpianatra izy. <sup>27</sup> Fa naka azy i Barnabasy ary nitondra azy teo amin'ireo Apostoly, ary nilaza tamin'ireo izy hoe ahoana no nahitan'i Saoly ny Tompo teny an-dalana sy ny nitenenan'ny Tompo taminy, ary ahoana no nitorian'i Saoly am-pasahiana tamin'ny anaran'i Jesosy tao Damaskosy. <sup>28</sup> Nihaona tamin'izy ireo izy rehefa niditra ary nivoaka an'i Jerosalema. Niteny am-pasahiana tamin'ny anaran'i Jesosy Tompo izy <sup>29</sup> ary niady hevitra niaraka tamin'ireo Jiosy Grika; nefa mbola niezaka ny hamono azy ihany izy ireo. <sup>30</sup> Rehefa fantatr'ireo rahalahy izany, dia nentin'izy ireo nidina tany Kaisaria izy ary nalefany ho any Tarsosy izy. <sup>31</sup> Ary avy eo, ny fiangonana nanerana an'i Jodia rehetra, Galilia, ary Samaria nanana fiadanana ary voaorina; ary, nandeha tamin-tahotra ny Tompo sy tamin'ny fampiononan'ny Fanahy Masina, ka nitombo isa ny fiangonana. <sup>32</sup> Dia tonga izany ankehitriny, raha nandeha nanerana ny faritra manontolo Petera, dia nandeha nidina tany amin'ireo mpino izay nipetraka tao amin'ny tananan'i Lyda ihany koa izy. <sup>33</sup> Nahita olona antsoina hoe Aenasy tao izy, izay efa teo am-pandriany nandritry ny valo taona, satria nalemy izy. <sup>34</sup> Petera niteny taminy hoe: "Aenasy, manasitrana anao Jesosy Kristy. Mitsangàna ary amboary ny fandrian'ao," ary niaraka tamin'izay dia nitsangana izy. <sup>35</sup> Fa izay rehetra nipetraka tao Lyda sy tao Sarena dia nahita ny lehilahy ka nitodika tamin'ny Tompo izy ireo. <sup>36</sup> Ary nisy mpianatra iray antsoina hoe Tabita tao Jopa, izay adika hoe "Dorkasy." Nanao asa soa betsaka io vehivavy io ary nanao fanampiana feno asa fiantrana izay nataony ho an'ny mahantra. <sup>37</sup> Tamin'ireo andro ireo dia narary izy ary maty; rehefa nanasa azy izy ireo, dia napetrak'izy ireo tao amin'ny efitrano ambony izy. <sup>38</sup> Satria efa nanakaiky an'i Lyda i Jopa, ary nandre ireo mpianatra fa tao Petera, dia nandefa olona roa tany aminy izy ireo, niangavy azy: "Tongava re any aminay tsy misy hatak'andro." <sup>39</sup> Nitsangana Petera ary

nandeha niaraka tamin'izy ireo. Rehefa tonga izy, dia nitondra azy tao amin'ny efitra ambony izy ireo, ary ny mpitondratena rehetra nitsangana teo anilany nitomany, nampiseho azy akanjo sy ny lamba izay nataon'ireo Dorkasy fony izy niaraka tamin'izy ireo. <sup>40</sup> Nalefan'i Petera tany ivelan'ny efitra izy rehetra, nandohalika, ary nivavaka; avy eo, nitodika tamin'ilay razana, niteny izy hoe: "Tabita, mitsangàna." Dia nanokatra ny masony izy avy eo, ary nahita an'i Petera izy dia niarina. <sup>41</sup> Avy eo nanolo-tanana azy Petera ary nampitsangana azy; ary rehefa niantso ireo mpino sy ireo mpitondratena izy, dia nasehony tamin'izy ireo ny fahavelomany. <sup>42</sup> Lasa fantatra nanerana an'i Jopa rehetra izany zavatra izany, ary olona maro no nino ny Tompo. <sup>43</sup> Tamin'izany Petera dia nipetraka andro maromaro niaraka tamin'ilay lehilahy iray antsoina hoe Simona tao Jopa, izay mpandoko hoditra.

## Acts 9:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Miverina any amin'i Saoly sy ny famonjena azy ny tantara

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ireto andininy ireto dia manome fanazavana antsika izay nataon'i Saoly nanomboka tamin'ny fitorahambato an'i Stefana.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "azy" dia maneho an'ny mpisoronabe ary "izy" dia maneho an'i Saoly.

### niteny fandrahonana foana eny fa na hatramin'ny famonoana manohitra ireo mpianatrin'ny Tompo

DH: "niteny fandrahonana foana eny fa na hatramin'ny famonoana manohitra ireo mpianatra"

### ho an'ireo synagoga

Io dia manambara ireo olona ao amin'ny synagoga. DH: "ho an'ireo olona amin'ny synagoga" na "ho an'ireo mpitarika ao amin'ny synagoga"

### eo amin'ny Lalany

"izay manaraka ny fampianaran'i Jesosy Kristy"

### mety entiny hifatotra any Jerosalema izy ireo

"Izy dia mety hitondra azy ireo higadra any Jerosalema." Afaka hazavaina ny tanjon'i Paoly amin'ny fanampiana hoe "ka mba hafahan'ireo mpitarika Jiosy manasazy azy ireo"

## Acts 9:3

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Taorian'ny nanomezan'ny mpisoronabe ireo taratasy tamin'i Saoly dia nandao an'i Damaskosy.

### Raha mbola nandeha izy

Nandao an'Jerosalema i Saoly ary nandeha ho any Damaskosy.

### izao no nitranga

Izany dia fomba fiteny izay manamarika fiovana ao amin'ny tantara mba ampisehoana zavatra hafa hiseho.

### avy any an-danitra

Ireo mety handikana azy 1) lanitra izay hitoeran'Andriamanitra na 2) ny habakabaka. Fa ilay voalohany no tena tsara

### nianjera tamin'ny tany izy

DH: "Ilay hazavana no nampianjera azy tamin'ny tany" Tsy nanao fanahiniana nianjera i Saoly.

### nahoana ianao no manenjika ahy?

DH: "nanenjika ahy ianareo" na baiko "Hatsaharo ny fanenjehana ahy!"

## Acts 9:5

### Iza ianao, Tompo?

I Saoly dia tsy niaiky fa i Jesosy no Tompo. Nanao izany izy satria fantany fa miresaka amin'ny olona izay manana hery mihoatra ny natiora.

### fa mitsangàna, midira ao amin'ny tanàna

"mitsangàna ary mandehana any amin'ny tanànan'Damaskosy"

### fa tsy nahita an' iza na iza

"fa tsy nahita olona." Teo dia i Saoly ihany no nahita ilay hazavana.

## Acts 9:8

### rehefa nanokatra ny masony izy

Izany dia midika fa nanakipy ny masony Izy satria ilay hazavana dia diso nazava loatra.

### tsy afaka nahita na inona na inona izy

"tsy afaka nahita na inona na inona izy." Jamba i Saoly teo.

### tsy nihinana izy no sady tsy nisotro

Tsy voalaza raha nisafidy ny tsy hihinana na hisotro izy mba ho endrika fiderana, na raha tsy te hanao izany izy satria sahiran-tsaina loatra noho ny toe-javatra misy azy. Tsara kokoa ny tsy mamaritra ny antony

## Acts 9:10

### Fampahalalana ankapobeny

Mitohy ny tantaran'i Saoly saingy i Lioka kosa dia nampahafantatra lehilahy iray hafa nantsoina hoe

Ananiasy. Tsy ilay Ananiasy izay maty tany aloha tany amin'ny Asan'ny Apostoly 5:3. Azonao atao ny mandika izany tahaka ny nataonao tamin'ny 5:1

#### **Fampahalalana ankapobeny**

Na dia misy hafa maro hafa akotran'i Jodasy voatonona ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia io ihany nisehoan'i Jodasy.

#### **Ary nisy**

Io dia mampiditra an'i Ananiasy

#### **Hoy izy**

"ary Ananiasy niteny hoe"

#### **mandehana any amin'ny lalana izay antsoina hoe**

##### **Mahitsy**

"mandehana amin'ilay lalan-mahitsy"

#### **ranon'i Jodasy**

Io Jodasy io dia tsy ilay mpianatra namadika an'i Jesosy. Ity Jodasy ity dia tompo-trano iray tao Damaskosy izay nitoeran'i Saoly

#### **'ilay lehilahy avy any Tarsosy antsoina hoe Saoly**

"ilay lehilahy avy ao amin'ny tanànan'i Tarsosy atao hoe Saoly" na "Saoly avy any Tarsosy"

#### **hametraka ny tanany eo aminy**

Izany dia fanehoana fanomezam-pahasoavana arapanahy an'i Saoly.

#### **hahita indray izy**

"ahiratra indray izy"

### **Acts 9:13**

#### **olona masina**

Eto ny "olona masina" dia manondro ireo kristiana. DH: "ny mponin'i Jerosalema izay mino anao"

#### **fahefana tamin'ireo lohan'ny mpisorona izy mba**

**hisambotra izay rehetra miantso ny anaranao eto**  
Izany dia midika fa ny haben'ny hery sy fahefana nomena an'i Saoly dia voafetra ho an'ny vahoaka jiosy amin'io fotoana io

#### **miantso ny anaranao**

Eto ny "anaranao" dia manondro an'i Jesosy.

#### **izy dia fitaovana voafidiko**

Ny "fitaovana voafidy" dia manondro zavatra iray voatokana ho an'ny asa fanompoana. DH: "Nifidy azy aho mba hanompo ahy"

#### **hitondra ny anarako**

Izany dia fomba fiteny mba hamaritana na hiresahana an'i Jesosy. DH: "mba hahafahany miresaka momba ahy"

#### **noho ny amin'ny anarako**

Izany dia fomba fiteny izay midika hoe "milaza amin'ny olona ny momba ahy."

### **Acts 9:17**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nankany amin'ny trano nipetrahan'i Saoly i Ananiasy. Rehefa sitrana i Saoly dia miverina taminy indray ny tantara.

#### **Fampahalalana ankapobeny**

Ny teny hoe "ianao" eto dia manondro an'i Saoly

#### **Ka lasa i Ananiasy, ary niditra tao amin'ny trano**

Tsara angamba ny manambara fa nandeha tany amin'ilay trano i Ananiasy talohan'ny nidirany tao. DH: "Dia nandeha Ananiasy ka nahita ny trano izay nitoeran'i Saoly dia niditra tao izy"

#### **Nametraka ny tanany teo aminy**

Nametraka ny tanany tamin'i Saoly i Ananiasy. Izany dia marikin'ny fanomezam-pahasoavana an'i Saoly.

#### **mba mety hahiratanao ary ho feno ny Fanahy Masina**

DH: "efa naniraka ahy mba hahitanao indray ary ny Fanahy Masina hameno anao"

#### **nitsangana izy ary natao batisa**

DH: "nitsangana izy ary nataon'i Ananiasy batisa"

### **Acts 9:20**

#### **Fampahalalana ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

#### **Zanak'Andriamanitra**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy

#### **Tsy io olona io ve no namono ireo tany Jerosalema izay niantso tamin'io anarana io?**

Ity fanontaniana manan-danja sy adihevitra izay manantitrantitra fa i Saoly dia ilay lehilahy nanenjika ny mpino. DH: "Io ilay lehilahy nandrava ireo tao Jerosalema izay niantso tamin'io anarana Jesosy io!"

#### **io anarana io**

Eto ny "anarana" dia manondro an'i Jesosy. DH: "ny anaran'i Jesosy"

#### **nampahory ireo Jiosy**

Nalahelo mafy izy ireo satria tsy nahita fomba hanaporofoana ny fanambaran'i Saoly fa i Jesosy no Kristy.

### **Acts 9:23**

#### **Fampahalalana ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" ao amin'ity fizarana ity dia manondro an'i Saoly.

#### **Ireo Jiosy**

Io dia manondro ireo mpitarik'ireo Jiosy. DH: "ireo mpitarika Jiosy"

**Fa lasa fantatr'i Saoly ny tetik'izy ireo**

DH: "Saingy nisy olona nilaza ny tetik'izy ireo tamin'i Saoly" na "Saingy fantatr'i Saoly ny tetik'izy ireo"

**niandry ny vavahady**

Io tanàna io dia nanana rindrina manodidina azy. Ny olona ihany no afaka niditra sy nivoaka ny tanàna tamin'ny alalan'ny vavahady

**ireo mpianany**

ireo olona izay nino ny hafatr'i Saoly momba an'i Jesosy ary nanaraka ny fampianarany.

**namela azy hidina tamin'ny rindrina, nampidina azy tao anaty harona**

"nampiasa tady mba hampidina azy amin'ny sobika lehibe iray teo amin'ny varavarankelin'ilay rindrina"

**Acts 9:26****nefa natahotra azy daholo ireo**

DH: "saika ny ankamaroan'izy ireo"

**am-pasahiana tamin'ny anaran'i Jesosy**

Izany dia fomba iray hilazana fa izy dia tsy natahotra ny nitory na nampianatra ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. DH: "nitory ampahibemaso ny hafatra momba an'i Jesosy"

**Acts 9:28****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy sy ireo olona izay niova fo ho amin'ny Jodaisma.

**niady hevitra niaraka tamin'ireo Jiosy Grika**

Niezaka nifanakalo hevitra tamin'ireo Jiosy niteny grika i Saoly.

**ireo rahalahy**

Ny teny hoe "rahalahy" eto dia manondro ireo mpino tao Jerosalema.

**nentin'izy ireo nidina tany Kaisaria**

Ny teny hoe "nidina" dia ampiasaina eto satria Kaisaria dia ambany kokoa noho ny an'i Jerosalema.

**nalefany ho any Tarsosy izy**

I Kaisaria dia seranan-tsambo. Nalefan'ireo mpirahalalahy sambo tany Tarsosy i iSaoly.

**Acts 9:31****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ao amin'ny andininy faha 32 ny tantara dia mifindra avy any amin'i Saoly mankany amin'ny fizarana vaovao mahakasika an'i Petera.

**Fampahalalana ankapobeny**

Ny andininy faha 31 dia fanambarana izay manome vaovao farany amin'ny fitomboan'ny fiangonana.

**ny fiangonana nanerana an'i Jodia rehetra, Galilia, ary Samaria**

Eto ny "fiangonana" dia manondro ireo mpino ao anatin'ireo vondrona manerana an'Israely.

**nanana fiadanana**

"niaina amin-piadanana". Izany dia midika fa ilay fanenjehana izay niatomboka tamin'ny famonona an'i Stefana dia tapitra.

**voaorina**

DH: "Andriamanitra no nanampy azy ireo hitombo" na "ny Faahy Masina no nanorina azy ireo"

**nandeha tamin-tahotra ny Tompo**

"nanohy nanome voninahitra ny Tompo"

**tamin'ny fampiononan'ny Fanahy Masina**

"niaraka tamin'ny Fanahy Masina nampahery sy nandrisika azy ireo"

**Dia tonga izany ankehitriny**

Nampiasana io fehezan-teny io hanamarihana fizarana vaovao ao amin'ny tantara.

**nanerana ny faritra manontolo**

Io dia hitatra hilazana ny habetsak'ireo mpino manerana an'i Jodia, Galilia sy Samaria notsidihan'i Petera.

**nidina**

Ny teny hoe "nidina" dia nampiasaina eto satria Lyda dia ambany kokoa noho n ireo toerana hafa izay handehanany.

**Acts 9:33****Nahita olona**

I Petera dia tsy nivonona ny hitady olona malemy saingy nitranga anefa izany. DH: "indro Petera tafahoana tamin'ny lehilahy iray"

**lehilahy iray antsoina hoe Aenasy**

Io dia mampiditra an'i Aenasy ao anatin'ny tantara.

**izay efa teo am-pandriany nandritry ny valo taona, satria nalemy izy**

Io dia fampahafantarana mahakasika an'i Aenasy

**nalemy**

tsy afaka mandeha, mety tsy afaka mampihetsika ny tapany ambany amin'ny vatany

**amboary ny fandrianao**

"ahoreno ny fandrinanao"

**izay rehetra nipetraka**

ireo olona izay niaina

**tao Lyda sy tao Sarona**

Ny tanànan'i Lydda dia tany amin'ny Lemak'i Sarona.

**nahita ilay lehilahy**

Tsara raha lazaina fa hitan'izy ireo fa sitrana izy.  
DH: "nahita ilay lehilahy nositrarin'i Petera"

**Acts 9:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy ny tantara tamin'ny zava-nitranga vaovao momba an'i Petera i Lioka.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireo andininy ireo dia manome fampahalalana fototra momba ny vehivavy nantsoina hoe Tabita.

**Ary nisy**

Io dia mampiditra fizarana vaovao ao amin'ny Tantara.

**Tabita tao Jopa, izay adika hoe "Dorkasy."**

Tabitha no anarany amin'ny teny aramianina, ary i Dorkasy no anarany amin'ny teny Grika. Samy midika hoe "gazela" ireo anarana roa ireo. DH: "Ny anarany amin'ny teny Grika dia Dorkasy"

**asa soa betsaka**

"nanao zavatra tsara maro"

**Tamin'ireo andro ireo**

Izany dia manondro ny fotoana nijanon'i Petera tao Jopa. DH: "Raha mbola teo akaiky teo i Petera"

**nanasa azy**

Io no fanasana mba hanomanana ny fandevenana azy.

**napetrak'izy ireo tao amin'ny efitrano ambony izy.**

Ity dia fampisehoana vetivety ny vatana mandritra ny fandevenana.

**Acts 9:38****nandefa olona roa tany aminy**

"ireo mpianatra dia nandefa olona roa tany amin'i Petera"

**tao amin'ny efitra ambony**

"tao amin'ny efitrano ambony rihana izay nisy ny fatin'i Dorkasy"

**ireo mpitondratena**

Azo inoana fa ireo mpitondratena rehetra tao antanàna dia tao daholo hatramin'ny tsy maha-Tanana lehibe azy intsony.

**fony izy niaraka tamin'izy ireo.**

"raha mbola velona niaraka tamin'ny ireo mpianatra izy.

**Mpitondratena**

vehivavy izay maty vady ary mila fanampiana

**Acts 9:40****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny tantaran'i Tabita dia mifarana eo amin'ny andininy faha-42. Ny andininy faha-43 dia mitantara amintsika izay nanjo an'i Petera taorian'ny nifaranan'ny tantara.

**Nalefan'i Petera tany ivelan'ny efitra izy rehetra**

"niteny azy rehetra hivoaka ny efitra." Nivoaka daholo ny rehetra ka afaka nivavaka ho an'i Tabita i Petera.

**nanolo-tanana azy Petera ary nampitsangana azy**

Noraisin'i Petera ny tanany ary nanampy azy hitsangana izy.

**ireo mpino sy ireo mpitondratena**

Mety ho mpino koa ireo mpitondratena saingy voatonona manokana satria Tabita no tena manandanja tamin'izy ireo.

**Lasa fantatra nanerana an'i Jopa rehetra izany zavatra izany**

Izany dia maneho ny fahagagana nataon'i Petera izay nanangana an'i Tabita tamin'ny maty. DH: "Nandre momban'ity raharaha ity ny olona nanerana an'i Jopa"

**nino ny Tompo**

"nino ny filazantsaran'ny Tompo Jesosy"

**Simona, mpandoko hoditra**

"lehilahy atao hoe Simona izay mpanao akanjo hoditra avy amin'ny hoditra biby"

## Chapter 10

<sup>1</sup> Ary nisy lehilahy iray tao amin'ny tananan'ny Kaisaria, atao hoe Kornelio, kapitenin'ireo antoko Miaramila Italiana. <sup>2</sup> Lehilahy mpivavaka izy, ilay iray izay midera an'Andriamanitra miaraka amin'ny ankohonany rehetra; nanome vola betsaka an'ireo izay tao anatin'ny tsy fahampiana izy, ary nivavaka mandrakariva tamin'Andriamanitra. <sup>3</sup> Nanodidina ny tamin'ny ora faha sivy maraina teo ho eo, nahita mazava tamin'ny fahitana anjelin'Andriamanitra nanatona azy izy. Ilay anjely niteny taminy hoe: "Ry Kornelio!" <sup>4</sup> Kornelio nibanjina ilay anjely ary tena raiki-tahotra ka niteny hoe: "Fa inona ity, tompoko?" Ilay anjely niteny taminy hoe: "Ireo vavakao sy ireo fanomezanao ho an'ny mahantra dia tafakatra ho fanati-pahatsiarovana eo anatrehan'Andriamanitra. <sup>5</sup> Ary maniraha lehilahy hankany amin'ny tanànan'ny Jopa mba haka ilay lehilahy iray atao hoe Simona izay antsoina hoe Petera. <sup>6</sup> Mipetraka miaraka amin'ny mpandoko hoditra antsoina hoe Simona izy, izay eny amoron-dranomasina ny tranony." <sup>7</sup> Rehefa lasa ilay anjely izay niresaka taminy, dia niantso ny roa tamin'ny mpanompony tao an-trano i Kornelio, ary miaramila mpivavaka iray tamin'ireo izay nanompo azy. <sup>8</sup> Kornelio nilaza tamin'izy ireo izay rehetra nitranga ary nandefa azy ireo tany Jopa. <sup>9</sup> Ary ny ampitso nanodidina ny ora faha-enina teo, raha mbola teny an-dalana izy ireo ka nanatona ny tanàna, dia niakatra teny ambony tafon-trano i Petera mba hivavaka. <sup>10</sup> Nanomboka niha-noana izy avy eo ka nitady zavatra ho hanina, kanefa raha mbola teo ampandrahoana sakafo ny olona, dia nahita fahitana izy, <sup>11</sup> ary nahita ny lanitra nisokatra izy sy fitahirizana iray nidina, toy ny lamba be midina ety an-tany, ampidinina amin'ny zorony efatra. <sup>12</sup> Tao no nisy karazam-biby manan-tongotra efatra sy zavatra izay mandady rehetra eto an-tany, ary ny voron'ny lanitra. <sup>13</sup> Dia nisy feo niteny taminy hoe: "Mitsangàna, ry Petera, mamono ary mihinana." <sup>14</sup> Fa i Petera niteny hoe: "Tsia, Tompo; fa mbola tsy nihinana zavatra izay voarara sy tsy madio mihitsy aho." <sup>15</sup> Saingy tonga taminy fanindroany indray ilay feo hoe: "Izay nodiovin'Andriamanitra, dia tsy antsoina hoe fady." <sup>16</sup> Niseho in-telo izany; ary avy eo ilay fitahirizana dia niverina niakatra teo no ho eo tany an-danitra. <sup>17</sup> Ary rehefa very hevitra momba ny dikan'ilay fahitana izay hitany i Petera, dia indro, ireo lehilahy izay nalefan'i Kornelio nitsangana nanoloana ny vavahady, avy eo izy ireo dia nanontany izay lalan'izy ireo mankao an-trano. <sup>18</sup> Dia niantso izy ireo ary nanontany an'i Simona, nantsoina ihany koa hoe Petera, izay nijanona teo. <sup>19</sup> Raha mbola nieritreritra momba ilay fahitana i Petera, dia niteny taminy ny Fanahy hoe: "Indro, lehilahy telo no mitady anao. <sup>[1]</sup><sup>20</sup> Mitsangàna ary midina ka miaraha amin'izy ireo. Aza misalasala miaraka amin'izy ireo, satria izaho no nandefa azy ireo. <sup>21</sup> Ary Petera nidina tany amin'ireo lehilahy ireo ka niteny hoe: "Izaho ilay tadiavinareo. Inona no antony nahatongavanareo?" <sup>22</sup> Hoy izy ireo hoe: "Ny kapiteny antsoina hoe Kornelio, lehilahy marina ary olona izay midera an'Andriamanitra, ary tsara laza any amin'ny firenen'ny Jiosy rehetra, izay nolazain'ny anjely masin'Andriamanitra mba hampaka anao ho any an-tranony, noho izany dia afaka mihaino ny hafatra avy aminao izy." <sup>23</sup> Dia nanasa azy ireo hiditra sy hijanona hiaraka aminy Petera. Ny ampitso marainan'iny dia nitsangana izy ka niaraka tamin'izy ireo, ary ny sasany tamin'ireo rahalahy avy any Jopa dia nanaraka azy. <sup>24</sup> Ny andro manaraka dia nankao Kaisaria izy ireo. Kornelio dia niandry azy ireo; nantsoiny niaraka ny havany sy ny namany akaiky. <sup>25</sup> Ary tamin'izany rehefa niditra Petera, nifankahita taminy i Kornelio ary niankohoka teo an-tongony mba hidera azy. <sup>26</sup> Fa Petera nanampy azy, niteny hoe: "Mitsangàna! Izaho ihany koa dia olona ihany. <sup>27</sup> Raha mbola niresaka niaraka taminy i Petera, dia niditra izy ary nahita olona maro be niara-niangona. <sup>28</sup> Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ny tenanareo mahalala fa tsy ara-dalana ho an'ny Jiosy ny miara-miasa na mamangy olona avy amin'ny firenena hafa. Fa Andriamanitra naneho tamiko fa tsy tokony hiantso olo-pady na tsy madio aho. <sup>29</sup> Izany no antony nahatongavako tsy nisy fanakantsakanana, rehefa nirahina Aho. Ka manontany anareo Aho hoe nahoana ianareo no maniraka ho ahy." <sup>30</sup> Kornelio niteny hoe: "Efatra andro mialohan'izao ora izao indrindra, dia nivavaka tao an-tranoko aho tamin'ny ora fahasivy; ary nahita, lehilahy iray nitsangana teo anoloako nanao akanjo namirapiratra. <sup>31</sup> Hoy izy hoe: 'Ry Kornelio, efa ren'Andriamanitra ny vavakao, ary ireo fanomezanao ho an'ireo mahantra dia mampatsiahy an'Andriamanitra ny momba anao. <sup>32</sup> Noho izany dia maniraha olona ho any Jopa, ary antsoy mankany aminao ilay lehilahy atao hoe Simona izay antsoina hoe Petera. Mipetraka ao an-tranon'i Simona mpandon-koditra antsoina hoe: Simona izy, izay eny amoron-dranomasina.' <sup>[2]</sup><sup>33</sup> Ary avy hatrany dia nalefako ho anao. Tsara ny fahatongavana. Ary ankehitriny, isika rehetra tonga eto imason'Andriamanitra, mba hihaino ireo rehetra izay nolazain'ny Tompo anareo no tenenina." <sup>[3]</sup><sup>34</sup> Avy eo dia nanokatra ny vavany Petera ary niteny hoe: "Marina tokoa, fantatro fa Andriamanitra dia tsy miandany na amin'iza na amin'iza. <sup>35</sup> Fa kosa, any amin'ny firenena tsirairay na iza na iza no midera sy manao asa marina dia ekeny avokoa. <sup>36</sup> Fantatrareo ilay hafatra izay nalefany ho an'ny olon'Israely, rehefa nanambara filazantsara momba ny fiadanana avy amin'ny alalan' i Jesosy Kristy izy, izay Tompon'ny

rehetra- <sup>37</sup> Ianareo tenanareo dia mahalala ireo zava-niseho, izay tena nitranga tao amin'ny toerana rehetra tao Jodia, nanomboka tany Galilia, taorian'ny batisa izay nambaran'i Jaona; <sup>38</sup> ireo zava-nitranga mikasika an'i Jesosin'ny Nazareta, ny fomba nanosoran'Andriamanitra azy tamin'ny Fanahy Masina sy tamin'ny hery. Nandeha nanao soa izy sady nanasitrana ireo rehetra izay voagejan' ny devoly, satria Andriamanitra dia niaraka taminy. <sup>39</sup> Isika dia vavolombelon'ireo zava-bitan'i Jesosy rehetra, tany amin'ny tanin'ny Jiosy sy tany Jerosalema. Novonoin'izy ireo izy tamin'ny alalan'ny fanantonana azy teo amin'ny hazo, <sup>40</sup> fa Andriamanitra nanangana azy tamin'ny andro fahatelo ary nanao izay hahitana azy, <sup>41</sup> tsy ireo olona rehetra, fa ireo vavolombelona izay voafidin'Andriamanitra mialoha- tamintsika izay nihinana sy nisotro niaraka taminy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. <sup>42</sup> Nandidy anay izy mba hanambara amin'ny olona sy hijoro vavolombelona fa izy ilay iray nofidin'Andriamanitra ho Mpitsaran'ny velona sy ny maty. <sup>43</sup> Ho azy no hijoroan'ny mpaminany rehetra vavolombelona, mba ho ireo izay mino azy no handray famelan-keloka amin'ny alalan'ny anarany. <sup>44</sup> Raha mbola niteny izany zavatra izany i Petera, dia nilatsaka tamin'ireo rehetra izay nihaino ny hafany ny Fanahy Masina. <sup>45</sup> Ireo olona tao anatin'ny vondron'ny mpino voafora- ireo rehetra izay niaraka tamin'i Petera- dia gaga, satria ny fanomezan'ny Fanahy Masina dia narotsaka ho an'ny Jentilisa ihany koa. <sup>46</sup> Fa ren'izy ireo ireo Jentilisa izay miteny amin'ireo fiteny hafa sy mankalaza an'Andriamanitra. Dia namaly Petera hoe: <sup>47</sup> Moa ve misy olona afaka mitazona rano mba tsy hanaovana batisa azy ireo, ireo olona izay nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa? <sup>48</sup> Dia nandidy azy ireo mba ho atao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy. Ary nangataka azy izy ireo mba hitoetra hiaraka amin'izy ireo mandritry ny andro vitsivitsy.

## Footnotes

10:19 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny amin'ny dikan-teny taloha dia hoe: "Lehilahy roa no mitady anao" na "misy lehilahy sasan-tasany mitady anao."

10:32 <sup>[2]</sup> Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia manampy hoe: "Rehefa tonga Izy, dia hiresaka aminao."

10:33 <sup>[3]</sup> Fanamarihana: "Raha tokony ho: "nolazain'ny Tompo no tenenina" no eo, dia ny dikan-teny taloha dia hoe: "nolazain'Andriamanitra no tenenina."

## Acts 10:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity no fiandohan'ny ampahany amin'ilay tantara momba an'i Kornelio.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ireo andininy ireo dia manome fampahalalana fototra momba an'i Kornelio.

### Ary nisy lehilahy iray

Ity dia fomba iray hampidirana olona vaovao ho amin'ity ampahan'ny tantara ity.

### Kornelio, kapitenin'ireo antoko Miaramila Italiana

"Kornelio no anarany. Izy dia miaramila manamboninahitra nisahana miaramila 100 avy amin'ny faritra Italiana avy amin'ny tafika romanina"

### Lehilahy mpivavaka izy, ilay iray izay midera an'Andriamanitra

"Nino an'Andriamanitra izy ary nikatsaka ny nanome voninahitra sy nidera an'Andriamanitra eo amin'ny fiainany"

### nidera an'Andriamanitra

Ny teny hoe "nidera" eto dia midika ho fanana fanajana lalina sy tahotra.

### miaraka amin'ny ankohonany rehetra

Eto ny "ankohonany" dia manondro ireo olona rehetra ao an-tranony. Ireo mpikambana hafa tao amin'ny ankohonany dia mety ho Jentilisa ihany koa. DH: "miaraka amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny ankohonany"

### nivavaka mandrakariva tamin'Andriamanitra

"Nivavaka tsy tapaka tamin'Andriamanitra izy"

## Acts 10:3

### ora faha sivy

"amin'ny telo tolakandro". Ity no fotoam-bavaka hariva mahazatra ho an'ireo Jiosy.

### nahita mazava

"Nahita mazava tsara i Kornelio"

### Ireo vakavaka sy ireo fanomezanao ho an'ny mahantra dia tafakatra ho fanati-pahatsiarovana eo anatrehan'Andriamanitra

Izany dia midika fa noraisin'Andriamanitra ireo fanomezany sy ireo vakavaka nataony. DH: "Andriamanitra dia mankasitraka ireo vakavaka ataonao sy ireo fanomezanao ... ho fanati-pahatsiarovana azy"



**mpandoko hoditra**

olona izay mpanambotra hoditra azo avy amin'ny hoditra biby

**Acts 10:7****Rehefa lasa ilay anjely izay niresaka taminy**

"Rehefa tapitra ny fahitan'i Kornelio an'ilay anjely"

**miaramila mpivavaka iray tamin'ireo izay nanompo azy.**

"Anisan'ny miaramila nanompo azy izay nanompo an'Andriamanitra koa." Nidera an'Andriamanitra io miaramila io. Tsy fahita firy tao amin'ny tafika romanina izany, ka ireo miaramila hafa an'i Kornelio dia mety tsy nanompo an'Andriamanitra mihitsy.

**nilaza tamin'izy ireo izay rehetra nitranga**

Nanazava ny fahitany tamin'ny mpanompony roa sy ny miaramilany iray i Kornelio.

**nandefa azy ireo tany Jopa**

"naniraka ny mpanompony roa lahy sy miaramila iray tany Jopa"

**Acts 10:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mivadika any amin' Kornelio ny tantara mba hilazana antsika izay nataon'Andriamanitra niaraka tamin'i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia manondro an'ireo mpanompo roa an'i Kornelio sy ilay miaramila teo ambanin'ny baikony.

**nanodidina ny ora faha-enina**

"nanodidina ny folak'andro"

**niakatra teny ambony tafon-trano**

Ny tafon'ireo dia fisaka ary matetika ireo olona no manao karazana hetsika maro eny.

**mbola teo am-pandrahoana sakafo ny olona**

"mialohan'ny nahamasaka ny sakafo"

**nahita fahitana izy**

"nomen'Andriamanitra fahitana izy" na "nanana fahitana izy"

**nahita ny lanitra nisokatra**

Io no fiantombohan'ny fahitan'i Petera. Izany dia azo atao fehezanteny vaovao.

**toy ny lamba be midina ety an-tany, ampidinina amin'ny zorony efatra**

Ilay fitoerana ireo biby dia nanana endrika toy ny lamba manana zorony efatra

**ampidinina amin'ny zorony efatra**

"niaraka tamin'ireo zorony efatra izay niantona" na "niaraka tamin'ireo zorony efatra izay avo mihoatra ny ambony"

**karazam-biby manan-tongotra efatra sy zavatra izay mandady rehetra eto an-tany, ary ny voron'ny lanitra**  
biby manan-tongotra ... voron'ny lanitra- Raha ny valintenin'i Petera ao amin'ny andininy manaraka dia mety azo nadika fa ny lalàn'i Mosesy dia nandidy ireo Jiosy mba tsy hinana ny sasany amin'izy ireo. DH: "biby aman-borona izay noraran'ny lalàn'i Mosesy tsy hoanin'ireo Jiosy"

**Acts 10:13****feo niteny taminy**

Ilay olona niteny dia tsy voafaritra mazava. Ilay "feo" dia mety Andriamanitra na ny anjeliny.

**Tsia**

"Tsy hanao izany aho"

**mbola tsy nihinana zavatra izay voarara sy tsy madio mihitsy aho**

Izany dia midika fa ny sasany amin'ireo biby ao anaty tranony dia malota araka ny famaritan'ny lalàn'i Mosesy ary tsy azon'ireo mpino izay niaina talohan'ny nahafatesan'i Kristy noanina.

**Izay nodiovin'Andriamanitra**

Raha Andriamanitra ilay niteny dia manondro ny tenany ihany izy. dh: "izay nodioviko, izaho Andriamanitra"

**Niseho in-telo izany**

Tsy hoe izay zavatra rehetra hitan'i Petera dia efa nitranga in-telo. Fa ilay fehezanteny "Izay nodiovin'Andriamanitra, dia tsy antsoina hoe fady" no niverina in-telo. Na izany ary, dia tsara raha lazaina tsotra hoe "izany dia nitranga in-telo" fa tsy hazavaina amin'ny antsipiriany.

**Acts 10:17****very hevitra momba ny dikan'ilay fahitana izay hitany i Petera**

Izany dia midika fa sahirana i Petera nanakatra izay dikan'ilay fahitana

**indro**

Ny teny "indro" dia mampiomana antsika amin'izay zavatra tsy ampoizina hiseho manaraka teo amin'ilay lehilahy roa nijoro teo amin'ny vavahady.

**nitsangana nanoloana ny vavahady**

"nitsangana nanoloana ny vavahady teo amin'ilay trano." Izany dia midika fa ilay trano dia nisy tamboho nisy vavahady hidirana ao amin'ilay toerana.

**nanontany izay lalan'izy ireo mankao amin'ilay trano**

Izany dia nitranga nialohan'ny nahatongavan'izy ireo teo amin'ilay trano.

**Dia niantso izy ireo**

Ireo lehilahin'i Kornelio dia nijanona tany ivelan'ny vavahady raha nanontany an'i Petera.

## Acts 10:19

**nieritreritra momba ilay fahitana**

"nanontany tena mahakasika ny dikan'ilay fahitana"

**ny Fanahy**

"ny Fanahy Masina"

**Jereo**

"mifohaza"

**Lehilahy telo no mitady anao**

ireo soratra sasany tany aloha dia samy nanana isa samihafa an'ireo lehilahy.

**midina**

"nidina avy amin'ny tafon'ilay trano"

**Aza misalasala miaraka amin'izy ireo**

Rariny raha tsy nety nandeha niaraka tamin'izy ireo i Petera satria (1) izy ireo dia mpivahiny ary (2) izy ireo dia Jentilisa izay tsy nifandraisan'ireo Jiosy.

**Izaho ilay tadiavinareo**

"Izaho ilay lehilahy izay tadiavinareo"

## Acts 10:22

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" sy "azy ireo" eto dia manondro ireo mpanmpo roa sy ilay miaramila an'i Kornelio.

**midera an'Andriamanitra**

Ny teny "midera" eto dia midika hoe manaja fatratra sy manana fatahorana.

**'ny firenen'ny Jiosy rehetra**

Izany fanitarana hanamafisana ny halehiben'ny lazany

**nanasa azy ireo hiditra sy hijanona hiaraka aminy Petera**

lava loatra ny dian'izy ireo ho any Kaisaria raha tolakandro vao hiala.

**hijanona hiaraka aminy**

"ho vahininy"

**sasany tamin'ireo rahalahy avy any Jopa**

Io dia manondro ireo mpino izay niaina tao Jopa.

## Acts 10:24

**Ny andro manaraka**

Io dia manaraka ny nialann'izy ireo tao Jopa. Ilay dia nankany Kaisaria dia efa mihoatra ny iray andro.

## Acts 10:25

**rehefa niditra Petera**

"rehefa niditra ilay trano i Petera"

**niankohoka teo an-tongony mba hidera azy**

Na dia efa mahazatra ary ny fiankohofana ao amin'io kolontsaina io, eto dia niankohoka teo amin'i Petera i Kornelio mba ho fiderana azy.

**Mitsangàna! Izaho ihany koa dia olona ihany**

Izany dia fanomezana tsiny na fanitsiana an'i Kornelio mba tsy hidera an'i Petera. DH: "Atsaharo izany! Izaho dia olona tahaka anareo ihany"

## Acts 10:27

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Niresaka tamin'ireo olona izay tao an-tranon'i Kornelio i Petera.

**Fampahafantarana amiknk'ny ankapobeny**

Ny teny "izy " eto dia manondro an'i Kornelio.

**Fampahafantarana amiknk'ny ankapobeny**

Eto ny teny "ianao" sy "ianareo" dia manondro an'i Kornelio ary ireo Jentilisa izay nanatrika teo.

**olona maro be niara-niangona**

"olona Jentilisa maro no niara-niangona." Izany dia midika fa ireo olona izay nasain'i Kornelio dia Jentilisa avokoa

**Ny tenanareo mahalala**

Miresaka amin'i Kornelio sy ireo vahiny nasainy i Petera.

**tsy ara-dalana ho an'ny Jiosy**

"izany dia voarara ho an'ny olona Jiosy." Io dia manondro ny lalàna relijiozy Jiosy.

**olona avy amin'ny firenena hafa**

Io dia manondro ireo olona izay tsy Jiosy sy tsy voafaritra mazava izay toerana niaviany

## Acts 10:30

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namaly ny fanontanian'i Petera i Kornelio

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ny andininy faha 31 sy 32 i Kornelio dia nilaza izay nolazain'ilay anjely taminy rehefa niseho taminy tamin'ny ora faha sivy.

**Efatra andro mialoha**

Miresaka ilay andro mialohan'ny alina fahatelo i Kornelio talohan'ny niresahany tamin'i Petera. Ny kolontsaina ara-Baiboly dia manisa ny andro ankehitriny, noho izany ny andro alohan'ny telo alina lasa izay dia "efatra andro lasa izay." Ny kolontsaina tandrefana amin'izao fotoana izao dia tsy manisa ny andro ankehitriny, ka maro ny fandikan-tenin'ny Tandrefana mamaky, "telo andro lasa izay."

**nivavaka**

Misy tamin'ireo manam-pahefana fahiny no milaza fa "mifady hanina sy mivavaka" raha toa ka "mivavaka" fotsiny.

**tamin'ny ora fahasivy**

Ora izay fivavahan'ireo Jiosy.

**efa ren'Andriamanitra ny vavakao**

DH: "Efa henon'Andriamanitra ny vavakao"

**mampatsiahy an'Andriamanitra ny momba anao**

"misarika anao aminny sain'Andriamanitra." Izany dia tsy midika fa Andriamanitra dia nanadino.

**antsoy mankany aminao ilay lehilahy atao hoe Simona izay antsoina hoe Petera**

"lazao i Simona izay nantsoina ihany koa hoe Petera mba ho avy any aminao"

**Tsara ny fahatongavan'ao**

Izany dia fanehoana fisaorana lehibe tamin'ny fahatongavan'i Petera. DH: "Tena misaotra anao tamin'ny fahatongavan'ao"

**eto imason'Andriamanitra**

Izany dia manambara ny fanatrehan'Andriamanitra.

**mba hihaino ireo rehetra izay nolazain'ny Tompo anareo no tenenina**

DH: "izay nasain'ny Tompo ho lazainareo"

**Acts 10:34****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka niresaka tamin'ireo olona izay tao an-tranon'i Kornelio i Petera.

**Avy eo dia nanokatra ny vavany Petera ary niteny**

"nanomboka niresaka tamin'izy ireo i Petera"

**Marina tokoa**

Io dia manambara fa izay zavatra ho lazainy dia tsara ho fantatra.

**Andriamanitra dia tsy miandany na amin'iza na amin'iza**

"Andriamanitra dia tsy manome vahana ny olona sasany"

**na iza na iza no midera sy manao asa marina dia ekeny avokoa**

"Izy dia manaiky ireo izay midera Azy sy manao asa marina"

**midera**

Ny teny "midera" eto dia midika hoe manaja fatratra sy manana fatahorana.

**Acts 10:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy niresaka tamin'i Kornelio sy ireo vahiny i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "Izy" eto dia manondro an'i Jesosy

**Fantatrareo ilay hafatra ... tamin'ny hery**

Io fehezanteny lava dia lava io dia azo afohezina amin'ny fehezanteny maromaro.

**Tompon'ny rehetra**

Eto ny teny "rehetra" dia midika "olona maro."

**amin'ny toerana rehetra tao Jodia**

DH: "tao amin'ny toerana maro tao Jodia"

**taorian'ny batisa izay nambaran'i Jaona**

Rehefa avy nitory tamn'ny olona mba hibe-baka ary avy eo nanao Batisa azy ireo

**nosoran'Andriamanitra azy tamin'ny Fanahy Masina sy tamin'ny hery**

Ny Fanahy Masina sy ny herin'Andriamanitra dia niteny tahaka ny hoe zavatra izay niraraka teo amin'ny olona.

**nanasitrana ireo rehetra izay voagejan' ny devoly**

DH: "ireo olona maro izay voagejan'ny devoly"

**Andriamanitra dia niaraka taminy**

Ny teny "niaraka taminy" dia midika hoe "nanampy azy"

**Acts 10:39****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "isika" eto dia manondro an'i Petera sy ireo Apostoly ary ireo mpino izay niaraka tamin'i Jesosy Kristy tamikn'Izy mbola tety an-tany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy" dia manondro an'i Jesosy.

**tany amin'ny tanin'ny Jiosy**

Izany dia manondro indrindra an'i Jodia tamin'izany fotoana izany.

**Novonoin'izy ireo**

"izay novonoin'ireo mpitarika Jiosy"

**fanantonana azy teo amin'ny hazo**

Io dia fomba fiteny hafa izay maneho ny fanomboana. DH: "namantsika Azy teo amin'ny hazo fijaliana"

**Io lehilahy io**

"Jesosy"

**Andriamanitra nanangana**

"Andriamanitra no nampiaiina indray"

**tamin'ny andro fahatelo**

"tamin'ny andro fahatelo taorian'ny nahafatesany"

**nanao izay hahitana azy**

"nampahafantatra azy"

**nitsanganany tamin'ny maty**

"nitsangana tamin'ny maty." Ny fehezanteny "tamin'ny maty" dia manondro ireo fanahin'ireo izay efa maty. Ny hoe mba hiverina ho anisan'izy ireo dia midika fa ho velona indray.

**Acts 10:42****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny teniny tamin'ny tsirairay tao an-tranon'i Kornelio i Petera, izay natombony tao amin'ny 10:34

**Fampahalalana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "isika"na "aminay" dia mampiditra an'i Petera sy ireo mpino. ny mpihaono azy dia tsy ao anatiny.

**fa izy ilay iray nofidin'Andriamanitra**

DH: "Fa Andriamanitra dia nifidy an'i Jesosy"

**ny velona sy ny maty**

Io dia manondro ireo olona izay mbola miaina sy ireo izay efa maty. DH: "ireo olona izay miaina sy ireo izay maty"

**Ho azy no hijoroan'ny mpaminany rehetra vavolombelona**

Ireo mpaminany rehetra dia nijoro vavolombelona ho an'i Jesosy

**ireo izay mino azy no handray famelan-keloka**

DH: "Andriamanitra dia namela ny otan'ireo izay nino an'Jesosy noho ireo zavatra nataony"

**amin'ny alalan'ny anarany**

Eto "ny anarany" dia manondro ireo zavatra nataony. Ny dikan'ny anarany dia Andriamanitra izay namonjy. DH: "tamin'ny alalan'izay nataon'i Jesosy azy ireo"

**Acts 10:44****nilatsaka tamin'ireo rehetra izay nihaino ny hafany ny Fanahy Masina**

Eto ny teny "nilatsaka" dia midika hoe "nipoitra tampoka." DH: "tonga tampoka ny Fanahy Masina"

**'ireo rehetra izay nihaino**

Eto ny "rehetra" dia manondro ireo Jentilisa izay nihaino an'i Petera tao an-trano.

**Ireo olona tao anatin'ny vondron'ny mpino voafora**

Izany dia fomba iray hafa hiantsoina ireo mpino Jiosy.

**ny fanomezana ny Fanahy Masina**

Izany dia manondro ny Fanahy Masina tenany ihany izay nomena azy ireo.

**'ny Fanahy Masina dia narotsaka**

DH: "Andriamanitra dia nandrotsaka ny Fanahy Masina"

**narotsaka**

Ny Fanahy Masina dia noraisina tahaka ny zavatra izay narotsaka tamin'ireo olona.

**ny fanomezana**

"fanomezana maimaimpoana"

**ho an'ny Jentilisa ihany koa**

Eto ny teny "ihany koa" dia manazava fa ny Fanahy Masina dia efa nomena ireo mpino Jiosy.

**Acts 10:46****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana ny fizaran ny tantara mahakasika an'i Kornelio.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy" eto dia manondro an'i Petera.

**ireo Jentilisa izay miteny amin'ireo fiteny hafa sy mankalaza an'Andriamanitra**

Ireo dia fantatra fanahatonga ireo Jiosy hanaiky fa ireo Jentilisa dia Andriamanitra hivavahana.

**misy olona afaka mitazona rano mba tsy hanaovana batisa azy ireo, ireo olona izay nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa?**

Nampiasa io fanontaniana io i Petera mba handreseny lahatra ireo Kristianina jiosy izay tokony hatao batisa ny hafa firenena. AT: "Tsy misy olona tokony hitazona rano avy amin'ireto olona ireto ... Tokony hanao batisa azy ireo isika satria efa nahazo ... izahay!"

**nandidy azy ireo mba ho atao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy**

Izany dia midika fa ireo Jiosy Kristianina dia anisan'ireo izay te hanao Batisa azy ireo. DH: "Nanome baiko ireo Jentilisa hanao Batisa azy ireo" na "nanome baiko ireo Kristianina Jiosy hanao Batisa azy ireo"

**ho atao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy**

Eto ny "amin'ny anaran'i Jesosy Kristy" no manambara fa ny antony nanaovana batisa azy dia ny ninoan'izy ireo an'i Jesosy. DH: "hatao batisa ho mpino an'i Jesoa Kristy"



## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary ireo apostoly sy ireo rahalahy izay tany Jodia nahare fa ireo Jentilisa ihany koa dia nandray ny Tenin'Andriamanitra. <sup>2</sup> Rehefa niakatra tany Jerosalema i Petera, ireo izay tao amin'ny antokon'ireo voafora dia nanakiana azy; <sup>3</sup> hoy izy ireo hoe: "Ianao nikambana niaraka tamin'ireo lehilahy tsy voafora sady nisakafo niaraka tamin'izy ireo!" <sup>4</sup> Fa Petera nanomboka nanazava ny zava-nitranga tamin'izy ireo tamin'ny antsipirihiny; hoy izy hoe: <sup>5</sup> "Nivavaka tany amin'ny tanànan'ny Jopa aho, ary nahita fahitana ny amin'ny fisian-javatra iray izay nidina, tahaka ny lamba lehibe nahidina avy any an-danitra tamin'ireo zorony efatra aho. Nidina teo amiko izany. <sup>6</sup> Nibanjina izany aho ary nisaintsaina momba izany. Nahita ireo biby manan-tongotra efatry ny tany, ireo biby dia, ireo biby mandady, ary ireo vorona eny amin'ny lanitra aho. <sup>7</sup> Avy eo aho dia nahare feo niteny tamiko hoe: "Mitsangàna, ry Petera; mamono ary mihinàna." <sup>8</sup> Hoy aho hoe: "Tsia, ry Tompo; fa tsy mbola nisy zavatra tsy masina na maloto mihitsy niditra tato am-bavako." <sup>9</sup> Fa ilay feo namaly avy any an-danitra indray hoe: "Izay nambaran'Andriamanitra fa madio, aza antsoina hoe maloto." <sup>10</sup> Niseho in-telo izany, ary avy eo dia nalaina niverina niakatra tany an-danitra indray ny zavatra rehetra <sup>11</sup> Indro, teo no ho eo dia nisy telo lahy nitsangana teo anoloan'ny trano izay nisy anay; nalefa avy tany Kaisaria nankaty amiko izy ireo. <sup>12</sup> Ny Fanahy dia nandidy ahy hiaraka amin'izy ireo, ary tsy tokony hanisy fizahan-tava amin'izy ireo aho. Ireo rahalahy enina ireo dia nandeha niaraka tamiko, ary nandeha nankao an-tranon'ilay lehilahy izahay. <sup>13</sup> Izy niteny taminay ny nahitany anjely iray nitsangana tao an-tranony ary niteny hoe: "Maniraha lehilahy any Jopa ary ento miverina i Simona izay antsoina hoe Petera. <sup>14</sup> Izy dia hilaza hafatra iray aminao izay havoavonjy anao - ianao sy ny ankohonanao rehetra." <sup>15</sup> Raha vao nanomboka niteny tamin'izy ireo aho, ny Fanahy Masina dia tonga tamin'izy ireo, tahaka ny nidinany taminay tany am-boalohany. <sup>16</sup> Tsaroako ny tenin'ny Tompo, ny nitenenany hoe: "Jaona nanao batisa tamin'ny rano tokoa; fa ianareo dia mila hatao batisa ao amin'ny Fanahy Masina." <sup>17</sup> Koa raha Andriamanitra nanome azy ireo ny fanomezana mitovy amin'izay nomeny antsika tamin'isika nino an'ny Tompo Jesosy Kristy, iza aho, no ho afaka hanohitra an'Andriamanitra?" <sup>18</sup> Rehefa henon'izy ireo izany zavatra izany, tsy niteny na inona na inona hoenti-mamaly izy ireo, fa nidera an'Andriamanitra kosa izy ireo ary niteny hoe: "Ary Andriamanitra nanome fibebahana ho fiainana ho an'ireo jentilisa ihany koa." <sup>19</sup> Ary ireo izay naporitaka noho ny fanenjehana izay niatomboka tamin'ny fahafatesan'i Stefana dia niely lavitra tany Foinika, Kyprosy, ary Antioka, fa izy ireo dia nilaza ny hafatra momba an'i Jesosy tamin'ireo Jiosy irery ihany. <sup>20</sup> Fa ny sasany tamin'izy ireo, ireo lehilahy avy any Kyprosy sy Kyrena, dia nandeha tany Antioka ary niresaka tamin'ireo Grika ihany koa, nilaza tamin'izy ireo ny filazantsara momba ny Tompo Jesosy. <sup>21</sup> Ny tanan'ny Tompo dia niaraka tamin'izy ireo; maro isa no nino ary nitodika tamin'ny Tompo. <sup>22</sup> Ireo vaovao momba azy ireo dia tonga teny an-tsofin'ny fiangonana tao Jerosalema, ary izy ireo naniraka an'i Barnabasy hatrany Antioka. <sup>23</sup> Rehefa tonga izy ka nahita ny fanomezan'Andriamanitra, dia ravoravo izy; ary izy nampahery azy rehetra mba hitoetra miaraka amin'ny Tompo amin'ny fon'izy ireo rehetra. <sup>24</sup> Satria izy dia lehilahy tsara sady feno ny Fanahy masina sy fenoana, ary olona maro no niampy ho an'ny Tompo. <sup>25</sup> Dia nandeha nankany Tarsosy i Barnabasy mba hitady an'i Saoly. <sup>26</sup> Rehefa hitany izy, dia nentina tany Antioka. Ary nandritry ny herintaona maninjitra izy ireo dia niara-niangona niaraka tamin'ny fiangonana ary nampianatra olona maro. Ireo mpianatra dia nantsoina voalohany hoe kristiana tao Antioka. <sup>27</sup> Ary tamin'izany andro izany dia nisy mpaminany maromaro nidina avy tany Jerosalema nankany Antioka. <sup>28</sup> Iray tamin'izy ireo, i Agabo no iantsoana azy, nitsangana ary notoroin'ny Fanahy fa hisy mosary lehibe hitranga manerana izao tontolo izao. Nitranga izany tamin'ny andron'i Klaudio. <sup>29</sup> Noho izany, ireo mpianatra, araka ny fahafahan'ny tsirairay avy, dia nanapa-kevitra ny handefa fanampiana ho an'ireo rahalahy tany Jodia. <sup>30</sup> Nanao izany izy ireo; nandefa vola ho an'ireo loholona izy ireo tamin'ny tanan'i Barnabasy sy Saoly.

### Acts 11:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Tonga tao Jerosalema i Petera ary nanomboka niresaka tamin'ireo Jiosy teo an-toerana

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no fiantombohana ny tranga manaraka ao amin'ny tantara.

#### Ary

Io dia manamarika fiantombohan'ny tantara vaovao

**ireo rahalahy**

Ny teny "rahalahy" dia manondro ireo mpino tao Jodia.

**izay tany Jodia**

"izay tany amin ny faritanin'i Jodia"

**dia nandray ny tenin'Andriamanitra**

Io fomba fiteny io dia manambara fa ireo Jentilisa dia nino ny hafatry ny filazantsara momba an'i Jesoa. DH: "nino ny hafatr'Andriamanitra momba an'i Jesosy"

**Rehefa niakatra tany Jerosalema**

I Jerosalema dia ambony lavitra noho ireo toerana hafa tao Isiraely, ka tsy mahagaga ny maheno ireo Israelita miteny hoe niakatra ho any Jerosalema izy ary nidina avy tany.

**ireo lehilahy tsy voafora**

Ny sasany amin'ireo Jiosy dia nino fa ireo mpino rehetra dia tsy maintsy hoforana. DH: "ny mpino Jiosy sasany tao Jerosalema izay naniry ny hanaforana ireo izay mpanara-dia an'i Kristy rehetra"

**lehilahy tsy voafora**

Ny andian-teny "lehilahy tsy voafora" dia manondro ireo Jentilisa.

**nisakafo niaraka tamin'izy ireo**

Nifanohitra tamin'ny fomba Jiosy ny fiaraha-misakafo amin'ireo Jentilisa.

**Acts 11:4****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namaly ireo Jiosy i Petera tamin'ny filazana azy ireo ny momban'ny fahitany sy momban'izay nitranga tao an-tranon'i Kornelio.

**Petera nanomboka nanazava**

Tsy nitsikera an'ireo mpino jiosy i Petera fa naneho hevitra tamin'ny fomba feno fanajana.

**tamin'ny antsipirihiny**

"izay tena nitranga"

**tahaka ny lamba lehibe**

Ilay tranon izay mitazona ireo biby dia nanana endrika lamba lehibe efa-joro. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 10:9.

**tamin'ireo zorony efatra**

"ary ny zorony efatra dia mihantona" na "miaraka amin'ireo zoro efatra lehibe kokoa noho ny ambiny." Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 10: 9.

**ireo biby manan-tongotra efatry ny tany**

biby manan-tongotra eto an-tany - Araka ny valintenin'i Petera, dia azo lazaina fa ny lalàn'i Mosesy dia nandidy ireo Jiosy mba tsy hihinana ny sasany amin'izy ireo. DH: "biby sy vorona izay noraran'ny

lalàn'i Mosesy ny fihinanan'ireo Jiosy azy." Jereo ny fomba nandikanao andian-teny mitovy amin'izany ao amin'ny 10: 9

**Acts 11:7****aho dia nahare feo**

Tsy voafaritra mazava ilay olona niteny. Ilay "feo" dia mety ho Andriamanitra, na ny anjeliny. Jereo ny fomba nandikanao ny "feo" iray tamin'ny 10:13.

**Tsia**

"tsy hanao izany aho"

**tsy mbola nisy zavatra tsy masina na maloto mihitsy niditra tato am-bavako**

Ireo bibidia teo amin'ilay taratasy dia ireo biby izay noraran'ny lalàna jiosy tao amin'ny Testamenta Taloha ny fihinana azy. DH: "Nihinana hena avy amin'ny biby masina sy madio aho"

**maloto**

Ao amin'ny lalàna jiosy tao amin'ny Testamenta Taloha dia ny olona iray dia mety "maloto" amin'ny fomba samihafa toy ny fihinana biby sasantsasany voarara.

**Izay nambaran'Andriamanitra fa madio, aza antsoina hoe maloto**

Izany dia manondro ireo biby ao amin'ilay lamba

**Niseho in-telo izany**

Tsy midika izany fa niverina in-telo ny zavatra rehetra. Izany dia mety midika hoe "Ny zavatra nodiovin'Andriamanitra dia aza atao ho maloto". Na dia izany aza, tsara ny miteny fotsiny hoe "izany dia nitranga intelo " fa tsy manazava amin'ny antsipiriany. Jereo ny fomba nandikanao ny hoe "Ity no nitranga intelo" tamin'ny 10:13.

**Acts 11:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto "isika" dia manondro an'i Petera sy ireo mpino ao Jopa. Tsy misy ny mpihaino azy tao Jerosalema.

**Indro**

Ity teny ity dia mampafantatra antsika amin'ireo olona vaovao ao amin'ny tantara. Ny fomba fitenin'ao dia mety hanana fomba hafa hanaovana izany.

**nalefa avy tany Kaisaria nankaty amiko izy ireo**

DH: "Nisy olona nandefa izy ireo"

**tsy tokony hanisy fizahan-tava amin'izy ireo aho**

"izay tsy tokony nampisy olana ahy ny maha Jentilisa azy ireo"

**Ireo rahalahy enina ireo dia nandeha niaraka tamiko**

"Ireo rahalahy enina ireo dia nandeha niaraka tamiko ho any Kaisaria"

**Ireo rahalahy enina**  
"ireo mpino Jiosy enina"

**an-tranon'ilay lehilahy**  
Io dia manondro ny tranon'i Konelio.

**havoavonjy anao**  
DH: "Andriamanitra hamonjy anao"

**ny ankohonanao rehetra**  
DH: "ny olona rehetra miaina ao an-tranonao"

## Acts 11:15

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny "isika"di manondro an'i Petera, ireo Apostoly ary ireo mpino Jiosy izay nandray ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta.

**Raha vao nanomboka niteny tamin'izy ireo aho, ny Fanahy Masina dia tonga tamin'izy ireo**  
Izany dia midika fa i Petera dia tsy nahavita ny teniny hatramin'ny farany nefa naniry hiteny bebe kokoa.

**ny Fanahy Masina dia tonga tamin'izy ireo, tahaka ny nidinany taminay tany am-boalohany**  
DH: "Nankeny amin'ireo mpino Jentilisa ny Fanahy Masina tahaka ny nahatongavany teny amin'ireo mpino Jiosy nandritran'ny Pentekosta"

**tany am-boalohany**  
I Petera eto dia manondro ny andro voalohan'ny Pentekosta.

**ianareo dia mila hatao batisa ao amin'ny Fanahy Masina**  
Izany dia azo afohezina. DH: "Hanao Batisa anareo amin'ny Fanahy Masina Andriamanitra.

## Acts 11:17

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Namarana ny lahateniny i Petera (izay nanomboka tao amin'ny 11: 4) tamin'ireo Jiosy momba ny fahitany sy ny zava-nitranga tany an-tranon'i Kornelio

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro an'i Kornelio sy ireo vahininy Jentilisa ary ny ankohonany. Tsy nantsoin'i Petera hoe Jentilisa izy ireo nohon'ny fifandraisany tamin'ireo mpino Jiosy tany Jerosalema.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino jiosy izay niresahan'i Petera. Ny teny hoe "antsika" dia ahitana ny mpino jiosy rehetra.

**Koa raha Andriamanitra nanome azy ireo ny fanomezana mitovy amin'izay nomeny antsika tamin'isika nino an'ny**

**Tompo Jesosy Kristy, iza aho, no ho afaka hanohitra an'Andriamanitra?**  
Nampiasa io fanontaniana io i Petera mba hanamafisana fa nankatò an'Andriamanitra fotsiny izy. DH: "Satria Andriamanitra dia nanome azy ireo ... Nanapa-kevitra aho fa tsy hanohitra an'Andriamanitra!"

**fanomezana mitovy**  
Petera dia miresaka ny fanomezan'ny Fanahy Masina.

**tsy niteny na inona na inona hoenti-mamaly izy ireoezana mitovy**  
"nitsahatra nitsikera an'i Petera izy ireo"

**nanome fibebahana ho fiainana**  
"manome fibebahana mankany amin'ny fiainana". Izany angamba dia manondro ny fiainana mandrakizay.

## Acts 11:19

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Lioka dia nitantara ny zava-nitranga tamin'ireo mpino nitsoaka taorian'ny nitoraham-bato an'i Stefana.

**Ary**  
Izany dia mampiditra ny ampahany vaovao amin'ny tantara.

**ireo izay naparitaka noho ny fanenjehana izay niatomboka tamin'ny fahafatesan'i Stefana dia niely**  
DH: "ny fanenjehana izay nanomboka tamin'ny nahafatesan'i Stefana dia nanasaraka sy nampiparitaka ireo mpino" na "ny fampahoriana izay nanomboka taorian'ny namonoan'ireo mpitarika Jiosy an'i Stefana dia nitarika ireo mpino handao an'i Jerosalema, ary niparitaka"

**tamin'ireo Jiosy irery ihany**  
Ny mpino dia nihevitra fa ny hafatr'Andriamanitra dia ho an'ireo Jiosy fa tsy ho an'ireo Jentilisa.

**niresaka tamin'ireo Grika ihany koa**  
Ireo Grika niteny dia Jentilisa fa tsy Jiosy. DH: "dia niresaka tamin'ireo Jentilisa izay niteny grikihany koa"

**Ny tanan'ny Tompo dia niaraka tamin'izy ireo**  
Ny tanan'Andriamanitra dia midika ny heriny. DH: "Andriamanitra dia nanome hery ireo mpino mba ahomby amin'ny fitoriana"

**nitodika tamin'ny Tompo**  
Midika izany fa tsy nino ny andriamanitr'izy ireo taloha intsony izy ireo ary nanomboka nino an'i Jesosy.



**Acts 11:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ao amin'ireto andininy ireto, ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Barnabasy. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino ao amin'ny fiangonana any Jerosalema.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" sy "azy ireo" dia manondro ireo mpino vaovao.

**sofin'ny fiangonana**

Eto ny "sofina" dia manondro ny fandrenesan'ireo mpino momban'ilay zava-niseho. DH: "ireo mpino ao am-piangonana"

**nahita ny fanomezan'Andriamanitra**

"nahita ny fahasovan'Andriamanitra" na "ny fomba nanehoan'Andriamanitra hatsaram-panahy tamin'ireo mpino"

**nampahery azy rehetra**

"Izy dia nanohy nampahery azy ireo"

**hitoetra miaraka amin'ny Tompo**

"hitoetra ho mahatoky an'ny Tompo" na "hitohizan'ny fahatokiana ny Tompo"

**amin'ny fon'izy ireo rehetra**

"tanteraka"

**feno ny Fanahy masina**

Ny Fanahy Masina dia nanara-maso an'i Barnabasyt raha nankatò ny Fanahy Masina izy.

**olona maro no niampy ho an'ny Tompo**

Eto ny "niampy" dia midika fa tonga hino ny zavatra mitovy amin'ireo hafa izy ireo. DH: "nihamaro kokoa ny olona nino ny Tompo"

**Acts 11:25****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy" dia miresaka an'i Barnabasy sy "azy" dia milaza an'i Saoly.

**nankany Tarsosy**

"nankany an-tanànan'i Tarsosy"

**hitady an'i Saoly ... hitany izy**

Ireo teny ireo dia midika fa nandany fotoana sy niezaka i Barnabasy mba hitadiavana an'i Saoly.

**Ary**

Io dia manomboka tranga vaovao ao anatin'ny tantara.

**niara-niangona niaraka tamin'ny fiangonana**

"Nivory niaraka tamin'ny fiangonana i Barnabasy sy i Saoly"

**Ireo mpianatra dia nantsoina voalohany hoe kristiana**  
Izany dia midika fa ireo olona hafa dia niantso ireo mpino tamin'io anarana io. DH: "Ny olon'i Antiokia dia niantso ireo mpianatra kristianina"

**voalohany hoe kristiana tao Antioka**

"voalohany indrindra tao Antiokia"

**Acts 11:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto i Lioka dia mitantara fanazavana momba ny faminiana iray tany Antiokia.

**Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana ny fitsaharana kely amin'ny tantara fototra.

**nidina avy tany Jerosalema nankany Antioka**

I Jerosalema dia ambony lavitra noho i Antiôkia, ka tsy mahagaga ny fitenin'ireo Israelita hoe niakatra tany Jerosalema na nidina avy tao.

**Agabo no iantsoana**

"Agabo no anarany"

**notoroin'ny Fanahy**

"Ny Fanahy Masina no namela azy haminany"

**hisy mosary lehibe hitranga**

"hisy ny tsy fahampian'ny sakafo"

**manerana izao tontolo izao**

Izany dia fanitarana izay manondro ny fanjakana Romanina. DH: "manerana ny Fanjakana Romanina"

**tamin'ny andron'i Klaodio**

Fantatr'i Lioka fa Klaodio no emperora tao Roma tamin'io fotoana io. DH: "fony i Claudio no emperora Romana"

**Acts 11:29****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" sy "izy ireo" dia manondro ireo mpino ao amin'ny fiangonana any Antiokia.

**Noho izany**

Ity teny ity dia midika hoe nanamarika hetsika iray izay nitranga noho ny zavatra hafa nitranga teo aloha. Tamin'ity tranga ity dia nandefa vola izy ireo noho ny faminanian'i Agabo na ny mosary.

**araka ny fahafahan'ny tsirairay avy**

Ny olona ambony kokoa dia nanome betsaka; ny mahantra dia nanome kely.

**ireo rahalahy tany Jodia**

"ireo mpino tao Jodia"

**tamin'ny tanan'i**

"teo ambany fihahian'i "



## Chapter 12

<sup>1</sup> Ary tamin'izany andro izany Heroda mpanjaka nisambotra ireo sasany izay an'ny fiangonana mba hahafahany mampijaly azy ireo. <sup>2</sup> Novonoiny tamin'ny sabatra Jakoba rahalahin'i Jaona. <sup>3</sup> Ary rehefa hitany fa nahafaly ireo Jiosy izany, dia nanao izay hisamborana an'i Petera koa izy. Izany dia nandritry ny andron'ny mofo tsy misy masirasira. <sup>4</sup> Rehefa avy nosamborina izy, dia nataony tany am-ponja izy ary nanendry miaramila efa-toko hiambina azy, nikasa ny hitondra azy eo amin'ny olona aorian'ny Paska izy. <sup>5</sup> Noho izany dia notazonina tao am-ponja Petera, fa ny vavaka dia nataon'ireo izay tao am-piangonana mafy kokoa tamin'Andriamanitra ho azy. <sup>6</sup> Ny alina alohan'ny hitondran'i Heroda azy hotsaraina, Petera dia natory teo anelanelan'ny miaramila roa, voafatotra tamin'ny rojo anankiroa, raha mbola nijanona niambina ny fonja ny mpiandry teo alohan'ny varavarana. <sup>7</sup> Indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tampoka teo akaikiny, ary nisy hazavana namiratra tao anatin'ny efitry ny fonja. Nikapoka an'i Petera teo amin'ny ilany izy ary namoha azy ka nanao hoe: "Mitsangàna haingana", ary ireo rojony niala tamin'ny tanany. <sup>8</sup> Ny anjely niteny taminy hoe: "Ampiakanjo ny tenanao ary anaovy ny kiraronao." Dia nataon'i Petera araka izany. Ny anjely niteny taminy hoe: "Anaovy ny akanjonao ivelany ary manaraha ahy." <sup>9</sup> Dia nanaraka ilay anjely Petera ary nivoaka. Tsy fantany fa ireo izay nataon'ny anjely dia tena izy. Nihevitra izy fa nahita fahitana. <sup>10</sup> Rehefa avy nandalo teo amin'ny mpiambina voalohany sy faharoa izy ireo, dia tonga teo amin'ny vavahady vy izay mitondra mankany amin'ny tanàna; nisokatra ho azy tamin'izy ireo izany. Nivoaka izy ireo ary nidina tamin'ny lalana iray, ary ilay anjely nandao azy avy hatrany. <sup>11</sup> Rehefa niverina tamin'ny tenany Petera, niteny izy hoe: "Ankehitriny dia fantatro marina fa ny Tompo no nandefa ny anjelin'ny ary nanafaka ahy tamin'ny tanan'i Heroda, sy tamin'ny zavatra rehetra izay nandrasan'ny Jiosy hiseho. <sup>12</sup> Rehefa tonga saina tamin'izany izy, dia nankany amin'ny tranon'i Maria renin'i Jaona, antsoina koa hoe Marka, izay nisy olona maro niangona sy nivavaka. <sup>13</sup> Rehefa nandondona teo am-bavahady izy, nisy mpanompo vavy iray antsoina hoe Roda tonga namaly. <sup>14</sup> Rehefa fantany ny feon'i Petera, tamin-kafaliana dia tsy nahavita namoha ny varavarana izy; fa kosa, nandeha nihazakazaka nankany an-trano izy, notateriny fa Petera nijoro teo am-baravarana. <sup>15</sup> Dia niteny taminy izy ireo hoe: "Adala ianao." Fa nanizingizina izy fa izany no izy. Niteny izy ireo hoe: "Ny anjelin'ny izany." <sup>16</sup> Fa Petera nanohy nandondona, ary rehefa novohain'izy ireo ny varavarana, dia nahita azy izy Ireo ary gaga. <sup>17</sup> Petera nanetsika ny tanany tamin'izy ireo mba hangina, ary noteneniny tamin'izy ireo ny fomba nitondran'ny Tompo azy nivoaka ny fonja. Hoy izy hoe: "Tatero any amin'i Jakoba sy ireo rahalahy izany zavatra izany. "Dia niala izy ary nandeha tany tamin'ny toerana hafa. <sup>18</sup> Ary rehefa nazava ny andro, dia tsy nisy fientanam-po kely teo amin'ireo miaramila ny amin'izay nitranga tamin'i Petera. <sup>19</sup> Rehefa avy nitady azy Heroda ary tsy nahita azy, dia nanadihady ny mpiandry izy ary nandidy azy ireo mba hovanoina. Dia nidina avy any Jodia nankany Kaisaria izy ary nitoetra tany. <sup>20</sup> Ary Heroda dia tezitra mafy tamin'ny vahoakan'i Tyra sy Sidona. Niara-nankany aminy izy ireo. Nandresy lahatra an'i Blasto izy ireo, ilay mpanampin'ny mpanjaka, mba hanampy azy ireo. Dia nangataka fihavanana izy ireo, satria ny tanànan'izy ireo dia mandray ny sakafony avy amin'ny mpanjakan'ny tanàna. <sup>21</sup> Tamin'ny andro voatondro Heroda dia nampiakanjo ny tenany akanjona mpanjaka ary nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana; nikabary tamin'izy ireo izy. <sup>22</sup> Nihiaka ny vahoaka: "Izany dia feona andriamanitra, fa tsy an'olona!" <sup>23</sup> Teo noho eo dia nisy anjelin'ny Tompo namely azy; satria tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra izy; nohanin'ny kankana izy dia maty. <sup>24</sup> Fa ny tenin'Andriamanitra nitombo sy nihamaro. <sup>25</sup> Ka rehefa vitan'i Barnabasy sy Saoly ny iraka nampanaovina azy ireo, dia niverina avy tany <sup>[1]</sup> Jerosalema izy ireo, nitondra an'i Jaona niaraka tamin'izy ireo, izay antsoina ihany koa hoe Marka.

### Footnotes

12:25 <sup>[1]</sup> Ny sasany amin'ireo dika soratra tranainy miteny hoe: "Izy ireo niverina tany Jerosalema

**Acts 12:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto no manomboka ny fanenjehana vaovao, voalohany ny fahafatesan'i Jakôma ary avy eo ny fanagadrana an'i Petera ary avy eo nafahana

**Fampahafantarana amin'ny ankapbeny**

Izany no fanazavana momba ny namonon'i Heroda an'i Jakoba.

**Ary**

Manomboka ampahany vaovao amin'ity tantara izany.

**tamin'izany andro izany**

Izany dia manondro ny fotoan'ny mosary.

**nisambotra**

Midika izany fa i Heroda dia nisambotra ireo mpino. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 5:17. AT: "nandefa miaramila hisambotra"

**sasany izay an'ny fiangonana**

I Jakôba sy i Petera ihany no voatondro, izay midika ireo no mpitarika ny fiangonana tao Jerosalema.

**mba hahafahany mampijaly azy ireo**

"mba hampijaliana ireo mpino"

**Novonoiny tamin'ny sabatra Jakoba rahalahin'i Jaona**

Izany dia mitantara ny fomba namonoana i James.

**Novonoiny**

Midika izany fa "novonoina i Heroda mpanjaka" na "i Heroda mpanjaka dia nanome baiko hamono".

**Acts 12:3****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Heroda

**Ary rehefa hitany fa nahafaly ireo Jiosy izany**

"Rehefa fantatr'i Heroda fa nahafaly ireo mpitarika Jiosy ny namonoana an'i Jakôba"

**nahafaly ireo Jiosy**

"nahafaly ireo mpitarika Jiosy"

**Izany dia**

"Nanao izany i Heroda" na "Nitranga izany"

**ny andron'ny mofo tsy misy masirasira**

Izany dia manondro fotoam-piravoravoana fanaon'ny jiosy nandritra ny vanim-potoanan'ny Paska. DH: "fety rehefa nihinana mofo tsy misy leviora ny vahoaka jiosy"

**miaramila efa-toko**

"vondrona miaramila efatra". Samy nisy miaramila efatra avy ny vondrona izay niambina an'i Peter, antoko iray isaky ny mandeha ny ekipa tsirairay. Ireo vondrona dia nizara ny 24 ora ho efatra.

Miaramila roa teo anilany ary roa teo akaikin'ny fidirana.

**nikasa ny hitondra azy eo amin'ny olona**

"Nikasa hitsara an'i Petera teo anatrehan'ny vahoaka i Heroda" na " nikasa hitsara an'i Petera teo anatrehan'ny vahoaka jiosy"

**Acts 12:5****Noho izany dia notazonina tao am-ponja Petera**

Midika izany fa niambina an'i Petera tany am-ponja ireo miaramila. DH: "niambina an'i Petera tao am-ponja ireo miaramila"

**ny vavaka dia nataon'ireo izay tao am-piangonana mafy kokoa tamin'Andriamanitra ho azy**

DH: "ny vondron'ny mpino tao Jerosalema dia nivavaka tamin'Andriamanitra ho azy"

**mafy**

"mitohy amin'ny fanoloran-tena" na "miaraka amin'ny fanoloran-tena tsy mijanona"

**hitondran'i Heroda azy hotsaraina**

fa ny tetiki Heroda hamonoana azy dia azo hazavaina. DH: "Heroda dia nitondra an'i Petera nivoaka ny trano-maizina mba hamono azy"

**voafatotra tamin'ny rojo anankiroa**

"mifatotra amin'ny rojo anankiroa". Ny rojo tsirairay avy dia nifatotra tamin'ny ray tamin'ireo mpiambina anankiroa izay nijanona teo anilan'i Petera.

**Acts 12:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" sy "ny azy" dia manondro an'i Petera.

**Indro**

Io teny io dia misarika antsika mba handinika ny fanazavana mahazendana manaraka.

**teo akaikiny**

"teo anilany"

**Nikapoka an'i Petera**

"Nokitihaan'ny anjely i Petera." Azo inoana fa natory be i Petera, ka tsy maintsy nofo.

**ireo rojony niala tamin'ny tanany**

Ny anjely dia nampianjera ireo rojo teny amin'i Petera nefa tsy nikasika azy ireo akory.

**nataon'i Petera araka izany**

"Nanao izay nolazain'ny anjely taminy i Petera" na "nankatoavin'i Petera"

**Acts 12:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

ny teny hoe "Izy" eto dia manondro an'i Petera. Ny teny hoe "izy" sy "izy ireo" dia miresaka an'i Petera sy ilay anjely.

**Tsy fantany**  
"Tsy azony"

**izay nataon'ny anjely dia tena izy**

DH: "inona marina no tena nataon'ilay anjely"

**Rehefa avy nandalo teo amin'ny mpiambina voalohany sy faharoa izy ireo**

Midika izany fa tsy afaka nahita an'i Petera sy ilay anjely ireo miaramila rehefa nandalo. DH: "ireo mpiambina voalohany sy faharoa dia tsy nahita azy ireo rehefa nandalo teo"

**izay mitondra mankany amin'ny tanàna**

"nivoaka avy tao am-ponja nankany an-tanàna"

**nisokatra ho azy tamin'izy ireo izany**

Ny hoe "ho azy" dia midika fa tsy i Petera na ilay anjely no nanokatra izany.

**nandao azy avy hatrany**

"nandao tampoka i Petera" na "nanjavona tampoka"

**Acts 12:11****Rehefa niverina tamin'ny tenany Petera**

"Rehefa nifoha tanteraka i Peter" na hoe "Rehefa fantatr'i Petera fa tena nisy ny zava-nitranga"

**nanafaka ahy tamin'ny tanan'i Heroda**

"Ny tanan'i Heroda" eto dia manondro ny "toeran'i Heroda" na "fikasan'i Heroda." DH: "namonjy ahy tamin'ny fikasan-dratsin'i Heroda"

**zavatra rehetra izay nandrasan'ny Jiosy hiseho**

Ny "vahoaka jiosy" eto dia ireo mpitarika jiosy . DH: "izay eritreritr'ireo mpitarika jiosy dia hitranga amiko"

**tonga saina**

Fantany fa Andriamanitra no namonjy azy.

**'i Jaona, antsoina koa hoe Marka**

"Jaona izay nantsoina koa hoe Marka"

**Acts 12:13****Fampahafantatra amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" sy "azy" dia miresaka momban'ilay mpanompovavy nantsoina hoe Rhoda.

**Fampahafantatra amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" sy "Izy ireo" dia manondro ireo olona izay nivavaka tao anatiny.

**nandondona teo am-bavahady izy**

"Nandondona i Petera." Ny fijanonana eo amin'ny varavarana dia fomba fanaon'ny jiosy hampahafantarana ny hafa fa maniry ny hitsidika azy ianao. Azonao atao ny manova izany mba hifanaraka amin'ny kolontsainao.

**tonga namaly**

"tonga teo am-bavahady mba hanontany hoe iza no nandondona"

**tamin-kafaliana**

"satria tena faly izy" na "nafana fo be"

**tsy nahavita namoha ny varavarana**

"tsy nanokatra ny varavarana" na "nanadino ny nanokatra varavarana"

**nandeha nihazakazaka nankany an-trano**

Azonao atao ny miteny hoe "niditra tao amin'ny efitr'ilay trano"

**notateriny**

"hoy izy tamin'izy ireo" na "hoy izy hoe"

**nijoro teo am-baravarana**

"nijoro tany ivelan'ny varavarana." I Petera dia nijoro tao ivelany.

**Adala ianao**

Tsy vitan'ny tsy nino azy fotsiny ny olona, fa notenenin'izy ireo mafy kosa tamin'ny filazana fa adala izy.

**nanizingizina izy fa**

"izy dia nanizingizina fa marina izay nolazainy"

**Niteny izy ireo**

"namaly izy ireo"

**Ny anjelin'ny izany**

"Ny zavatra hitanao dia anjelin'i Petera." Ireo Jiosy sasany dia nino ny anjely mpiambina ary mety nihevitra fa tonga teo amin'izy ireo ny anjelin'i Petera.

**Acts 12:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

ny teny hoe "izy" sy "izy ireo" eto dia manondro ireo olona tao an-trano. Ny teny hoe "Izy" sy "izy" dia manondro an'i Petera.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Na dia namono an'i Jakôba tao amin'ny 12:1 aza i Heroda dia mbola nisy ankoatran'i Jakôba.

**Fa Petera nanohy nandondona**

Ny teny hoe "nanohy" dia midika fa nandondona foana i Petera nandritran'ny fotoana niresahan'izy ireo tao anatiny.

**ireo rahalahy**  
"ireo mpino hafa"

## Acts 12:18

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Petera. Ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Heroda.

### Ary

Ity teny ity dia ampiasaina hanamarihana ny fiatoana ao amin'ny tantara. Efa lasa ny fotoana; izao no andro manaraka.

### rehefa nazava ny andro

"ny maraina"

### tsy nisy fientanam-po kely

Ity fehezanteny ity dia nampiasaina hanamafisana ny tena zava-nitranga. Azo lazaina amin'ny fomba tsara izany. DH: "fientanam-po lehibe" na "fientanentanana be"

### fientanam-po

Izany dia maneho fientanam-po ratsy toy ny fahoriam-panahy, tebiteby, tahotra, na fisavorovoroana.

### Rehefa avy nitady azy Heroda ary tsy nahita azy

"Rehefa nitady an'i Petera i Heroda ka tsy nahita azy"

### nanadihady ny mpiandry izy ary nandidy azy ireo mba hovanoina

Araka ny lalàn'ny fanjakana Romana dia vonoina ireo mpiambina raha tafatsoaka ny voafonjan'izy ireo.

### nidina izy

Ny fehezanteny hoe "nidina" dia nampiasaina teto satria i Kaisaria dia ambany kokoa noho ny an'i Jodia

## Acts 12:20

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mbola mitantara ny zava-nitranga hafa tamin'ny andron'i Heroda i Lioka

### Ary

Ity teny ity dia ampiasaina eto hanamarihana ny tranga manaraka ao amin'ny tantara

### Niara-nankany aminy izy ireo

Azo inoana fa nandeha tany amin'i Heroda izy rehetra. DH: "Ireo lehilahy misolo tena ny mponin'i Tyra sy i Sidona dia niara-nandeha niresaka tamin'i Heroda"

### Nandresy lahatra an'i Blasto izy ireo

Nandresy lahatra an'i Blasto izy ireo lehilahy ireo

### Blasto

I Blastus dia mpanampy iray na mpiandraikitra an'i Heroda Mpanjaka.

### Dia nangataka fihavanana izy ireo

"nangataka fihavanana ireo lehilahy ireo"

### ny tanànan'izy ireo dia nandray ny sakafony avy amin'ny mpanjakan'ny tanàna

Mety novidin'izy ireo io sakafo io. DH: "ny mponin'i Tyro sy i Sidona dia nividy ny sakafon'izy ireo rehetra tamin'ireo vahoaka izay nanjakan'i Heroda"

### nandray ny sakafony

Izany dia midika fa noferan'i Heroda izany famatsiana sakafo izany satria tezitra tamin'ireo mponin'i Tyro sy Sidona izy.

### Tamin'ny andro voatondro

Izany angamba no andro nifanarahan'i Heroda hihaonany tamin'ireo mpisolontena. DH: "Tamin'ny andro nifanarahan'i Heroda ifanatrehana tamin'izy ireo"

### akanjona mpanjaka

fitaiana lafo izay mety mampiseho fa izy no mpanjaka

### nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana

Tao no niresahan'i Heroda tamin'ireo olona izay tonga nijery azy.

## Acts 12:22

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity no ampahany farany amin'ny tantara momba an'i Heroda.

### Teo noho eo

"avy hatrany" na "Raha teo ampiderana an'i Heroda ireo olona"

### namely azy

"nampahory an'i Heroda" na "nahatonga an'i Heroda ho marary mafy"

### tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra iz

Navelan'i Heroda hivavaka taminy ireo olona ireo fa tsy hanompo an'Andriamanitra.

### nohanin'ny kankana izy dia maty

Eto ny "kankana" dia manondro ny kankana ao anaty vatana, mety ho ao anaty tsinay. DH: "ny kankana dia nihinana ny tao anatin' i Heroda ary maty izy"

## Acts 12:24

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity fampahafantarana ity dia manome vaovao farany momba ny fampielezana ny tenin'Andriamanitra sy ny zavatra nataon'i Barnabasy sy i Saoly.

**ny tenin'Andriamanitra nitombo sy nihamaro**

Ny tenin'Andriamanitra dia noraisina ho toy ny zavamaniry zavamaniry velona izay afaka mitombo sy miteraka. DH: "niely tany amin'ny toerana maro kokoa ny hafatr'Andriamanitra ary maro kokoa no nino azy"

**ny tenin'Andriamanitra**

Olona maro no nandre momba ny tenin'Andriamanitra. Izany dia manondro ny hafatr'Andriamanitra momba ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy. DH: "ny hafatr'Andriamanitra momba an'i Jesoa"

**rehefa vitan'i Barnabasy sy Saoly ny iraka nampanaovina azy ireo, dia niverina avy tany [Ny sasany amin'ireo dika soratra tranainy miteny hoe: "Izy ireo niverina tany Jerosalema]**

Izany dia mitodika tamin'ny fotoana nitondran'izy ireo vola avy amin'ireo mpino tany Antiokia tao amin'ny 11:29. DH: "namatsy vola ny mpitondra fiangonana tao Jerosalema"

**Izy ireo niverina tany**

Dia niverina tany Antiokia izy ireo. DH: "Niverina tany Antiokia i Barnabasy sy Saoly"

**nitondra an'i Jaona niaraka tamin'izy ireo**

"I Barnabasy sy Saoly dia nitondra an'i Jaona niaraka taminy"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Ary tao amin'ny fiangonana tao Antioka, dia nisy mpaminany sy mpampianatra maro tao. Izy ireo dia Barnabasy, Simona (izay antsoina hoe Nigera), Lisiosa avy amin'i Sirena, Manaena (ilay rahalahy izay niolonono tamin'i Heroda mpanapaka), ary Saoly. <sup>2</sup> Raha mbola nidera ny Tompo sy nifady hanina izy ireo, ny Fanahy Masina niteny hoe: "Atokany ho ahy Barnabasy sy i Saoly, mba hanao ny asa izay niantsoko azy ireo." <sup>3</sup> Taorian'ny nifadian'izy ireo hanina, sy nivavahany, ary nametrahan'izy ireo tanana tamin'ireo lehilahy ireo, izy ireo dia nalefan'izy ireo. <sup>4</sup> Ka nankato ny Fanahy Masina i Barnabasy sy i Saoly ka nandeha nidina nankany Selosia; avy teny izy ireo dia niantsambo ho any amin'ny nosin'ny Sipra. <sup>5</sup> Rehefa tao amin'ilay tanànan'ny Salamina izy ireo, dia nitory ny tenin'Andriamanitra tao amin'ny Synagogan'ireo Jiosy izy ireo. Ary nanana an'i Jaona Marka koa izy ireo mba ho mpanampy azy ireo. <sup>6</sup> Ary rehefa namakivaky ny nosy iray manontolo mankany Pafosy izy ireo, dia nahita mpanao ody, izay mpaminany Jiosy sandoka, ary ny anarany dia Bara Jesosy. <sup>7</sup> Mpanao ody izay niara-niasa tamin'ireo governora, Serjio Paolosy, izay lehilahy tena mahay. Nosamborin'io lehilahy io Barnabasy sy i Saoly, satria te haheno ny tenin'Andriamanitra izy. <sup>8</sup> Fa Elimasy "mpanao ody" (izany no nandikana ny anarany) nanohitra azy ireo; ary niezaka ny hanodina ny governora hiala amin'ny finoana izy. <sup>9</sup> Fa i Saoly, izay antsoina ihany koa hoe Paoly, dia feno ny Fanahy Masina, ary nandinika azy tsara. <sup>10</sup> Ary niteny hoe: "Ianao ry zanaky ny Devoly, ianao dia feno ny karazam-pitaka sy faharatsiana rehetra. Fahavalon'izay rehetra marina ianao. Tsy hijanona ny hamily ny lala-mahitsin'ny Tompo mihitsy ianao, sa tsy izany? <sup>11</sup> Fa indro ankehitriny, ny tanan'ny Tompo eo aminao, ka ho tonga jamba ianao. Ary tsy hahita ny masoandro aloha ianao. "Teo no ho eo dia nilatsaka tao amin'i Elimasy ny fahanjavozavonana sy fahamaizinana; nanomboka nivezivezy ary nangataka tamin'ny olona izy mba hitantana azy amin'ny tanana. <sup>12</sup> Rehefa avy nahita izay zava-niseho ny governora, dia nino izy, satria gaga tamin'ny fampianarana momba ny Tompo izy. <sup>13</sup> Ary Paoly sy ny namany dia lasa niantsambo avy Pafosy nankany amin'ny Perga any Pafilía. Fa Jaona kosa nandao azy ireo ary niverina tany Jerosalema. <sup>14</sup> Paoly sy ireo namany dia nandeha avy tany Perga ary nankany Antiokan'i Pisidia. Ary tao dia nandeha nankany amin'ny synagoga tamin'ny andron'ny Sabata izy ireo ary nipetraka. <sup>15</sup> Taorian'ny famakiana ny lalàna sy ny mpaminany, dia nandefa hafatra tany amin'izy ireo ny mpitariky ny Synagoga niteny hoe: "Ry rahalahy, raha manana hafatra fampaherezana ho an'ny olona eto ianareo, dia teneno izany." <sup>16</sup> Ka nitsangana Paoly ary nanao fihetsika tamin'ny tanany, niteny hoe: "Ry olon'Israely ary ianareo izay manome voninahitra an'Andriamanitra, mihainoa. <sup>17</sup> Ny Andriamanitry ny olon'Israely dia nisafidy ny raintsika ary nampitombo isa ny olona rehefa nipetraka tao amin'ny tanin'ny Egipta, ary tamin'ny fanandratana ny sandriny no nitarihany azy ireo hivoaka tao. <sup>18</sup> Ary nandritry ny efapolo taona teo ho eo no nandeferany azy ireo tany an'efitra. <sup>19</sup> Ary rehefa avy nandrava firenena fito tany amin'ny tany Kanana izy, dia nomeny ny vahoakantsika ny tanin'izy ireo mba ho lova. <sup>20</sup> Izany zava-drehetra niseho izany dia efa tamin'ny faha dimampolo sy efa-jato taona. Taorian'izany zavatra rehetra izany, Andriamanitra nanome mpitsara azy ireo mandra-piavin'i Samoela mpaminany. <sup>21</sup> Dia nangataka mpanjaka ny olona avy eo, ary Andriamanitra nanome azy ireo an'i Saoly zanaka lahin'i Kisa, lehilahy izay avy amin'ny fokon'i Benjamina, mba ho mpanjaka mandritry ny efapolo taona. <sup>22</sup> Ary avy eo Andriamanitra nanala azy teo amin'ny fanjakany, ka nanandratra an'i Davida mba ho mpanjakan'izy ireo. Fa izany no nolazain'Andriamanitra momba an'i Davida hoe: "Efa nahita an'i Davida zanak'i Jesea aho mba ho olon'ny foko, izay hanao izay rehetra tiako hataony. <sup>23</sup> Fa avy amin'ny taranak'io lehilahy io no hitondran'Andriamanitra mpanavotra ho an'Israely, dia i Jesosy, araka izay efa nampanantenainy hatao. <sup>24</sup> Nanomboka niseho izany, talohan'ny nahatongavan'i Jesosy, Jaona nanambara voalohany tamin'ny vahoakan'Israely rehetra momba ny batisan'ny fibebahana. <sup>25</sup> Satria Jaona efa nahavita ny asany, dia hoy izy: "Iza no hieritretanareo ahy? Tsy izaho ilay izy. Fa henoy, hisy iray ho avy aorinako, ary ny kiraron'ny tongony dia tsy hahamendrika ahy ny hamaha azy. <sup>26</sup> Ry rahalahy, zanaka avy amin'ny taranak'i Abrahama, ary izay midera an'Andriamanitra rehetra eo aminareo, ho antsika no nandefasana izany hafatra momban'ny famonjena izany. <sup>27</sup> Fa ireo izay mipetraka any Jerosalema, sy ny mpitondran' izy ireo, dia tsy nahafantatra azy, ka tanterak'izy ireo ny voalazan'ny mpaminany izay vakiana isan-tsabata ny amin'ny fanamelohana azy. <sup>28</sup> Na dia tsy mahita antony tsara hamonoana azy aza izy ireo, dia nangataka tamin'i Pilaty ihany mba hamono azy. <sup>29</sup> Rehefa tanterak'izy ireo ny zavatra rehetra izay voasoratra momba azy, dia nampidin'izy ireo teny amin'ny hazo Izy ary nampandriany tao am-pasana. <sup>30</sup> Fa Andriamanitra kosa nampitsangana azy tamin'ny maty. <sup>31</sup> Ary hitan'ireo izay niara-niakatra taminy avy tany Galilia mankany Jerosalema izy nandritry ny andro maromaro. Ary ankehitriny dia ireo olona ireo no vavolombelony ho an'ny olona. <sup>32</sup> Noho izany izahay miteny aminareo ny filazantsara izay nampanantenain'Andriamanitra tamin'ny raintsika izay efa tanterany ho antsika, <sup>33</sup> zanak'izy ireo, tamin'ny nananganany an'i Jesosy. Arak'izay efa voasoratra ao amin'ny salamo faharoa hoe: 'Zanako ianao,



anio dia ho tonga Rainao aho.' <sup>34</sup> Ny antony nananganana azy tamin'ny maty dia ny mba tsy hahasimba mandrakizay ny vatany, Andriamanitra niteny toy izao: 'Homeko anareo ny fitahiana masina sy azo antoka nampantanaina an'i Davida.' <sup>35</sup> Izany koa no nahatonga azy niteny tao amin'ny salamo hafa hoe: "Tsy hamela ilay Masina hahita ny lo ianao." <sup>36</sup> Satria rehefa nanatanteraka ireo fanirian'Andriamanitra ho an'ny taranany i Davida dia resin-tory izy, ka nampandriana niaraka tamin'ireo rainy izy ary ny vatany niharan'ny fahalovana. <sup>37</sup> Fa izy izay natsangan'Andriamanitra dia tsy niharan'ny faharavana. <sup>38</sup> Ka aoka ho fantatrareo izany, ry rahalahy, fa tamin'ny alalan'io lehilahy io no nanambarana taminareo ny famelana ny fahotana. <sup>39</sup> Amin'ny alalany ny olona tsirairay izay mino dia voamarina amin'ny zavatra rehetra izay mety tsy ho voamarin'io lalàn'i Mosesy io. <sup>40</sup> Ka mitandrema mba tsy hiseho aminareo izay zavatra nolazain'ny mpaminany hoe: <sup>41</sup> "Indro, ianareo ry mpanao tsinontsinona, dia ho gaga ary ho levona. Fa izaho manao asa amin'ny andronareo, Asa izay tsy ninoanareo mihitsy, na dia misy olona manambara izany aminareo aza." <sup>42</sup> Rehefa lasa i Barnabasy sy i Paoly, dia niangavy azy ireo ny olona mba hitorian'izy ireo ireo teny ireo ihany amin'ny Sabata manaraka. <sup>43</sup> Rehefa tapitra ny fivoriana tao amin'ny Synagoga, dia maro tamin'ireo Jiosy sy ireo proselita mahafatra-po no nanaraka an'i Paoly sy Barnabasy, izay niresaka tamin'izy ireo sy nampirisika azy mba hanohy ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra. <sup>44</sup> Tamin'ny Sabata manaraka, dia saika ny tanàna manontolo no niaraka niangona mba handre ny tenin'ny Tompo. <sup>45</sup> Rehefa nahita ireo vahoaka ny Jiosy, dia feno fialonana izy ireo ary niteny nanohitra ireo zavatra izay nolazain'i Paoly sy naneso azy. <sup>46</sup> Fa Paoly sy Barnabasy niteny am-pasahiana ary nilaza hoe: "Iaina ho voalaza aminareo mialoha ny tenin'Andriamanitra. Fa rehefa manosika izany ianareo ary mihevitra ny tenanareo ho tsy mendrika ny fiainana mandrakizay, dia indro, hiverina any amin'ny Jentilisa izahay. <sup>47</sup> Araka izay efa nandidian'ny Tompo anay, manao hoe: "Napetrako mba ho fahazavan'ny Jentilisa ianareo, izany no tokony hitondranareo famonjena ho an'ireo izay any amin'ny fara-vazan-tany." <sup>48</sup> Rehefa nandre izany ny Jentilisa, dia faly sy nidera ny tenin'ny Tompo. Ary maro ireo izay voatendry ho amin'ny finoana ny fiainana mandrakizay no nino. <sup>49</sup> Ary ny tenin'ny Tompo dia niely eraky ny faritra manontolo. <sup>50</sup> Fa ny Jiosy kosa dia namporisika ireo vehivavy mahafatra-po sy manan-danja, sy ireo lehilahy mpitarika tao antanàna. Niteraka fanenjehana ho an'i Paoly sy Barnabasy izany ary nanipy azy ireo ho any ivelan'ny sisintanin'ny tanàna. <sup>51</sup> Fa Paoly sy Barnabasy nanintsana ny vovoka tamin'ny tongotr'izy ireo mba hanoharana azy ireo. Ary avy eo izy ireo dia nankany amin'ny tanànan'i Ikoniama. <sup>52</sup> Ary ny mpianatra dia feno hafaliana sy ny Fanahy Masina.

## Footnotes

13:18 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia mivaky toy izao: "Nandritry ny efaolo taona eo ho eo dia niahy azy ireo tany an'efitra izy."

## Acts 13:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Nanomboka niresaka momba ny dian'ny misionan'ny fiangonana tany Antiokia i Barnabasy sy i Saoly.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy 1 dia manome fampahalalana fototra mikasika ny olona ao amin'ny fiangonana any Antiokia.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpitarika dimy ireo saingy mety hampiditra ireo mpino hafa koa. Ireo teny manaraka "izy ireo" sy "azy ireo" dia azo inoana fa ireo mpitarika telo izay tsy anisan'ireny i Barnabasy sy i Saoly, saingy afaka mampiditra mpino hafa.

### Ary tao amin'ny fiangonana tao Antioka

"Tamin'izany fotoana izany tao amin'ny fiangonana tao Antiokia"

### Ilay rahalahy izay niolonono tamin'i Heroda mpanapaka

I maneana dia mpiara-milalao tamin'i Heroda na namany akaiky.

### mpanapaka

mpitondra ny iray ampahaefatry ny firenena

### Atokany ho ahy

"voatondro hanompo ahy"

### niantsoho azy ireo

Ny dikanten'ny eto dia midika fa nofidin'Andriamanitra izy ireo hanao io asa io.

### nametrahan'izy ireo tanàna tamin'ireo lehilahy ireo

"nametra-tanana tamin'ireo lehilahy ireo izay natokan'Andriamanitra hanompoana azy." Izany

fihetsika izany dia nampiseho fa nanaiky ireo mpitarika fa ny Fanahy Masina dia niantso an'i Barnabasy sy i Saoly hanao io asa io.

#### **nalefan'izy ireo**

"nandefa ireo lehilahy ireo" na "nandefa ireo lehilahy ireo hanao ny asa izay nasain'ny Fanahy Masina nataon'izy ireo"

#### **Acts 13:4**

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireto misy teny hoe "izy ireo", "Izy ireo", ary "ny azy ireo" dia manondro an'i Barnabasy sy i Silasy

#### **Ka**

Ity teny ity dia manamarika toe-javatra iray nitranga noho ny fisehoan-javatra teo aloha. Amin'ity tranga ity, ny hetsika teo aloha dia i Barnabasy sy i Saoly izay natsangan'ny Fanahy Masina.

#### **nidina**

Ny fehezanteny hoe "nidina" dia ampiasaina eto satria Selosia dia ambany noho i Antiokia.

#### **Selosia**

tanàna iray amoron-dranomasina

#### **tanànan'ny Salamina**

Ny tanànan'i Salamis dia tany amin'ny nosy Sipra

#### **Synagogan'ireo Jiosy**

Ireto mety handikana azy 1) "nisy synagoga jiosy maromaro tao an-tanànan'i Salamina izay nitoriana an'i Barnabasy sy Saoly" na 2) "Niasa tao amin'ny synagoga tao Salamis i Barnabasy sy i Saoly ka nitory tany amin'ny sinagoga rehetra hitany nandritra ny diany ny nosy Sipra. "

#### **Ary nanana an'i Jaona Marka koa izy ireo mba ho mpanampy azy ireo**

"Niaraka tamin'izy ireo i Jaona Marka ary nanampy azy ireo"

#### **Acts 13:6**

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy i Silasy ary i Jaona Marka.

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "ity lehilahy ity" dia manondro an'i "Serjio Paolosy." Ny teny voalohany hoe "izy" dia manondro an'i Serjio Paolosy, governora; Ny teny faharoa hoe "izy" dia manondro an'i Elymasy (antsoina hoe Bara Jesosy), ilay mpanao ody.

#### **nosy iray manontolo**

Izy ireo dia niampita teny amin'ny ilan'ny nosy ka nizara ny hafatry ny filazantsara tany amin'ny tanàna tsirairay nandalovany.

#### **Pafosy**

tanàna lehibe iray tao amin'ny nosy Sipra izay nitoeran'ny governora

#### **mpanao ody**

"olona manokana manao sikidy"

#### **ny anarany dia Bara Jesosy**

"Bara Jesosy" dia midika hoe "Zanak'i Jesosy." Tsy misy fifandraisana eo amin'ity lehilahy ity sy i Jesoa Kristy. Jesosy dia anarana mahazatra tamin'izany fotoana izany.

#### **governora**

Governora niandraikitra ny faritany romanina.

#### **Elimasy "mpanao ody"**

I Bara Jesosy ihany, izay nantsoina koa hoe "ilay mpanao ody."

#### **izany no nandikana ny anarany**

"Izany no niantsoana azy tamin'ny teny grika"

#### **niezaka ny hanodina ny governora hiala amin'ny finoana izy**

"nanandrana nandresy lahatra ny governora tsy hino ny hafatry ny filazantsara"

#### **Acts 13:9**

##### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

i Paul, dia nanomboka niresaka tamin'i Elymasy raha mbola teo amin'ny nosy Pafosy.

##### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy", ary "ianao" dia manondro an'i Elymasy (antsoina koa hoe BaraJesôsy).

#### **i Saoly, izay antsoina ihany koa hoe Paoly**

"Saoly" amin'ny anarany jiosy, ary "Paoly" no anarany romanina. Niresaka tamin'ny manam-pahefana romanina izy, ary nampiasa ny anarany Romanina. DH: "Saoly, izay nantsoiny hoe Paoly"

#### **Ianao ry zanaky ny Devoly**

Milaza i Paoly fa manao toy ny devoly ilay lehilahy. DH: "Ianao dia tahaka ny devoly" na "Manao toy ny ataon'ny devoly" ianao

#### **ianao dia feno ny karazam-pitaka sy faharatsiana rehetra**

"Ianao dia misarika ireo hafa foana mba hino izay tsy marina amin'ny fampiasana lainga ary ny fanaovana ratsy foana"

#### **Faharatsiana**

Amin'izany toe-javatra izany dia midika hoe kamo sy tsy mazoto amin'ny fanarahana ny lalàn'Andriamanitra.

#### **Fahavalon'izay rehetra marina ianao**

I Paoly dia nanambatra an'i Elimasy tamin'ny devoly. i Elymasy ihany koa dia tahaka ny devoly

izay fahavalon'Andriamanitra ary manohitra ny fahamarinana.

**Tsy hijanona ny hamily ny lala-mahitsin'ny Tompo mihitsy ianao, sa tsy izany?**

Nampiasa io fanontaniana io i Paoly mba hanakianana ny Elymasy amin'ny fanoherana an'Andriamanitra. DH: "Milaza foana ianao fa diso ny marina momba ny Tompo Andriamanitra!"

**ny lala-mahitsin'ny Tompo**

Eto ny "lalana mahitsy" dia manondro ireo fomba marina. DH: "ny tena lalan'ny Tompo"

**Acts 13:11**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Vita ny lahatenin'i Paoly tamin'i Elisa.

**fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "iana" sy "izy" dia miresaka an'i Elymasy.

**fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Serjio Paolosy, governora (governoran'i Pafosy).

**ny tanan'ny Tompo eo aminao**

Eto ny "tànana" dia maneho ny herin'Andriamanitra ary "eo aminao" dia midika fanamelohana DH: "Ny Tompo dia hanasazy anao"

**ho tonga jamba ianao**

DH: "Ho ataon'Andriamanitra Jamba ianao"

**tsy hahita ny masoandro**

Elymasy dia ho jamba tanteraka ka tsy hahita ny masoandro mihitsy. DH: "tsy hahita masoandro mihitsy ianao"

**aloha**

"mandritra ny fe-potoana" na "mandra-pahatongan'ny fotoana voatendrin'Andriamanitra"

**nilatsaka tao amin'i Elimasy ny fahanjavozavonana sy fahamaizinana**

"ny mason'i Elymasy dia nanjary nanjelanjelatra ary avy eo maizina" na "nanomboka nanjavozavo ny fahitan'i Elymasy ary tsy nahita na inona na inona izy avy eo"

**nino izy**

nino an'Jesosy izy

**gaga tamin'ny fampianarana momba ny Tompo izy**

DH: "ny fampianaran'ny Tompo dia nahagaga azy"

**Acts 13:13**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity dia ampahany vaovao amin'ny tantara momba an'i Paoly tany Antiokia tao Pisidia.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha-13 sy faha-14 dia manome fampahalalana fototra mikasika io ampahany amin'ny tantara io.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

"Paoly sy ireo namay" dia i Barnabasy sy i Jaona Marka (antsoina koa hoe Jaona). Hatramin'io fotoana io, i Saoly dia nantsoina hoe Paoly ao amin'ny Asan'ny Apostoly. Ny anaran'i Paoly dia voarakitra voalohany izay manondro fa lasa mpitarika ny vondrona izy. Zava-dehibe ny mitazona izany filaharana izany amin'ny fandikana.

**niantsambo avy Pafosy**

"nandeha sambo avy any Paphos"

**Fa Jaona kosa nandao azy ireo**

Fa Jaona kosa nandao an'i Paoly sy Barnabasy"

**Antiokan'i Pisidia**

"ny tanànan'i Antioka ao amin'ny distrikan'i Pisidia"

**Taorian'ny famakiana ny lalàna sy ny mpaminany**

Ny "lalàna sy ireo mpaminany" dia manondro ny ampahany amin'ny soratra masina jiosy izay novakiana. DH: "Taorian'ny namakian'ny olona iray ny bokin'ny lalàna sy ny asa soratry ny mpaminany"

**nandefa hafatra tany amin'izy ireo**

"niteny olona mba hilaza" na "nangataka olona iray hilaza"

**Ry rahalahy**

Ny teny hoe "Ry rahalahy" dia ampiasain'ny olona tao amin'ny synagoga mba hilazana an'i Paoly sy i Barnabasy amin'ny namana Jiosy.

**raha manana hafatra fampaherezana**

"raha te hilaza zavatra ianao mba hampahery anay"

**Acts 13:16**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka ny lahatenininy tamin'ireo izay tao amin'ny synagoga an'i Antiokia any Pisidia i Paoly. Manomboka niresaka momba ny zava-nitranga teo amin'ny tantaran'ny Isiraely izy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny voalohany hoe "izy" dia manondro an'i Paoly. Ny teny faharoa hoe "Izy" dia manondro an'Andriamanitra.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "antsika" dia manondro an'i Paoly sy ireo Jiosy hafa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" sy "azy ireo" dia manondro ireo Israelita.

**nanao fihetsika tamin'ny tanany**

DH: "nanetsika ny tanany mba hampisehoana fa hiteny izy"

**ianareo izay manome voninahitra an'Andriamanitra**

Izany dia manondro ireo Jentilisa izay niova fo amin'ny Jodaisma. DH: "Ianareo izay tsy Israelita kanefa midera an'Andriamanitra"

**Ny Andriamanitra ny olon'Israely**

"Ilay Andriamanitra izay hivavahan'ny olon'Israely"

**raintsika**

"ireo Jiosy razambentsika"

**nampitombo isa ny olona**

"nahatonga azy ireo ho maro an'isa"

**tamin'ny fanandratana ny sandriny**

Izany dia manondro ny herin'Andriamanitra. DH: "tamin'ny hery lehibe"

**hivoaka tao**

"hivoaka tao amin'ny tanin'i Egipta"

**nandeferany azy ireo**

ny dikany izany dia "nandefitra izy". Ny dikantenany sasany dia manana teny hafa izay midika hoe "nikarakara azy ireo". DH: "Niaritra ny tsy fankatoavany Andriamanitra" na "nikarakara azy ireo Andriamanitra"

**Acts 13:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Izy" dia manondro an'Andriamanitra

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "ny tanin'izy ireo" eto dia manondro ilay tany izay nosahanin'ireo firenena fito tany aloha.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "antsika" sy "izy ireo" dia manondro ny vahoakan'ny Israely. Ny Jiosy mpihaino an'i Paoly dia tafiditra ao amin'ny "antsika" tahaka izany ohany i Paoly sy Barnabasy

**firenena**

Eto ny teny hoe "firenena" dia manondro ny vondron'olona samihafa fa tsy ireo sisin-tany ara-jeografika

**niseho izany dia efa tamin'ny faha dimampolo sy efa-jato taona**

"efa nihaotra ny 450 taona vao tanteraka"

**Acts 13:21****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity teny ity dia avy amin'ny tantaran'i Samoela sy avy amin'ny Salamon'ny Etana tao amin'ny Testamenta Taloha.

**mandritry ny efaolo**

"mba ho mpanjakan'izy ireo mandritry ny efaolo taona"

**nanala azy teo amin'ny fanjakany**

io teny io dia midika fa Andriamanitra dia nanakana an'i Saoly tsy ho mpanjaka. DH: "nandà an'i Saoly tsy ho mpanjaka"

**nanandratra an'i Davida mba ho mpanjakan'izy ireo**

"Andriamanitra nifidy an'i Davida ho mpanjakan'izy ireo". Ny teny hoe "nanandratra" dia midika hoe Andriamanitra no nahatonga an'i Davida ho lasa mpanjaka

**mpanjakan'izy ireo**

"Mpanjakan'Israely" na "mpanjakan'ireo Israelita"

**ho olon'ny foko**

Izany dia midika fa izy ilay lehilahy izay mahafantatra izay iriko"

**Acts 13:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny eto dia avy amin'ireo filazantsara.

**avy amin'ny taranak'io lehilahy io**

"avy amin'ny taranak'i Davida." Natao teny ampiandohan'ny fehezantenany izany mba hanamafisana fa ilay mpamonjy dia tokony ho iray amin'ireo taranak'i Davida.

**ho an'Israely**

Izany dia manondro ny vahoakan'Israely. DH: "nanome ny vahoakan'Israely"

**araka izay efa nampanantenainy hatao**

"araka izay efa nampanantenain'Andriamanitra fa ho ataony"

**Iza no hieritretanareo ahy?**

Nametraka io fanontaniana io i Jaona mba hanerena ny vahoaka hieritreritra hoe iza izy. DH: "Eritrreto hoe iza aho"

**Tsy izaho ilay izy**

I Jaona dia nanondro ny Mesia, izay nandrasan'izy ireo ho avy. DH: "Tsy izaho no Mesia"

**Fa henoy**

Izany dia manamafy ny maha zava-dehibe izay ho lazainy manaraka.

**hisy iray ho avy aorinako**

Izany dia manambara an'ilay Mesia. DH: "ho avy tsy ho ela ilay Mesia"

**ny kiraron'ny tongony dia tsy hahamendrika ahy ny****hamaha azy**

"Izaho dia tsy mendrika ny hamaha ny kirarony."

Ilay Mesia dia lehibe mihoatra lavitra noho i Jaona

ka tsy nahatsiaro tena ho tsy mendrika ny hanao ny asa ambany indrindra ho azy.

### Acts 13:26

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "antsika" eto dia ahitana an'i Paoly sy ny mpihaino rehetra ao amin'ny synagoga.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "izy ireo" sy "azy ireo" dia manondro ireo Jiosy nipetraka tao Jerosalema.

#### Ry rahalahy, zanaka avy amin'ny taranak'i Abrahama, ary izay midera an'Andriamanitra

Paoly dia niresaka tamin'ireo mpihainony Jiosy niova fo ho amin'ny Jodaisma mba hampahatsiahy azy ireo ny toe-piainany manokana amin'ny fivavahany amin'ilay Andriamanitra marina.

#### nandefasana izany hafatra momban'ny famonjena izany

DH: "Andriamanitra dia efa nandefa hafatra momban'ny famonjena"

#### momban'ny famonjena izany

Ny "famonjena" eto dia azo hadika koa hoe manavotra. DH: "fa Andriamanitra dia hanavotra ny olona"

#### tsy nahafantatra azy

"tsy nahalala fa i Jesosy ilay nirahin'Andriamanitra hamonjy azy ireo"

#### ireo ny voalazan'ny mpaminany

Eto ny teny hoe "voalaza" dia maneho ny hafatry ireo mpaminany. DH: "ny asa soratry ireo mpaminany" na "ny hafatry ireo mpaminany"

#### tanterak'izy ireo ny voalazan'ny mpaminany

"Izy ireo dia nanao tahaka izay nolazain' ireo mpaminany ihany fa ho ataon'izy ireo ao amin'ny bokin'ireo mpaminany"

### Acts 13:28

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny "izy ireo" eto dia manondro ireo olona Jiosy sy ireo mpitarika relijiozy tao Jerosalema. Ny teny "azy" eto dia manambara an'i Jesosy.

#### tsy mahita antony tsara hamonoana azy aza izy ireo

"tsy nahita antony hamonoana an'i Jesosy izy ireo"

#### nangataka tamin'i Pilaty

ny teny hoe "nangataka" eto dia teny mahery izay midika hoe miangavy na mitalaho.

#### Rehefa tanterak'izy ireo ny zavatra rehetra izay voasoratra momba azy

"Rehefa vitan'izy ireo tamin'i Jesosy ireo zavatra rehetra izay nolazain'ireo mpaminany fa hitranga Aminy"

#### nampidin'izy ireo avy teny tamin'ny hazo Izy

Mety manampy ny filazana mazava tsara fa maty i Jesosy talohan'ny nitrangan'izany. DH: "novonoin'izy ireo i Jesosy ary nampidin'izy ireo avy teo amin'ny hazo fijaliana rehefa maty izy"

### Acts 13:30

#### Fa Andriamanitra kosa nampitsangana azy

"fa" eto dia manondro fifanoherana mafy eo amin'ny zavatra nataon'ireo olona sy ny zavatra nataon'Andriamanitra.

#### nampitsangana

"novelomina indray"

#### hitan'ireo izay ... Galilia mankany Jerosalema

DH: "ireo mpianatra izay nandeha niaraka tamin'i Jesosy avy any Galilia ho any Jerosalema dia nahita azy nandritran'ny andro maromaro"

#### andro maromaro

Fantatsika avy amin'ireo asa soratra hafa fa 40 andro io fe-potoana io. Handikao ny miaraka amin'ny fehezan-teny izay maneho fotoana lava ny "andro maromaro".

#### ireo olona ireo no vavolombelony ho an'ny olona sasany.

"izao dia hijoro vavolombelona momban'i Jesosy" na "izao dia hilaza amin'ireo olona momban'i Jesosy"

### Acts 13:32

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny faharoa dia avy amin'i Isaia mpaminany.

#### Noho izany

Ity teny ity dia manamarika toe-javatra nitranga vokatry ny izay zavatra nitranga teo alohany. Amin'ity tranga ity, ny fisehoan-javatra teo aloha dia nananganan' Andriamanitra an'i Jesosy tamin'ny maty.

#### raintsika

"ireo razanay." Mbola miresaka amin'ireo Jiosy niova fo hafa tao amin'ny synagoga tany Antiokia any Pisidia i Paoly. Ireo no razamben'ny Jiosy, ary ireo razambe ara-panahy niova fo.

#### izay nampanantenain'Andriamanitra tamin'ny raintsika izay efa tanterany

"notanterahin'Andriamanitra ny fampanantenainy"

#### ho antsika, zanak'izy ireo

"Ho antsika izay zanaky ny razantsika." Mbola miresaka amin'ireo Jiosy niova fo hafa tao amin'ny synagoga tao Antiokia any Pisidia i Paoly. Ireo no razamben'ny Jiosy, ary ireo razambe ara-panahy niova fo.

#### tamin'ny nananganany an'i Jesosy

"amin'ny famelomana an'i Jesoa indray"

**izay efa voasoratra ao amin'ny salamo faharoa**  
 "Izany fahamarinana izany dia voasoratra ao amin'ny Salamo faharoa ihany koa"

#### **Zanaka ... Ray**

Ireo fiantsoana ireo dia manan-danja lehibe satria mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

**Ny antony nananganana azy tamin'ny maty dia ny mba tsy hahasimba mandrakizay ny vatany, Andriamanitra niteny toy izao**  
 "Nolazain'Andriamanitra ireo teny ireo momba ny famelomany an'i Jesosy ho velona indray mba tsy ho faty intsony"

#### **Acts 13:35**

**Izany koa no nahatonga azy niteny tao amin'ny salamo hafa**  
 Takatr'ireo mpihaino an'i Paoly fa io Salamo io dia manondro ny Mesia. DH: "Ao amin'ny Salamo hafa an'i Davida, dia nilaza koa izy momba ny Mesia"

**Izany koa no nahatonga azy niteny**  
 "Hoy koa i David." David no mpanoratra ny Salamo faha-16 izay nangalana io teny io.

**Tsy hamela ilay Masina hahita ny lo ianao**  
 DH: "Tsy hamela ny vatan'ilay Masinao ho lo ianao"

**Tsy hamela**  
 Eto i Davida dia miresaka amin'Andriamanitra.

**ireo fanirian'Andriamanitra**  
 "nanao izay nangatahan'Andriamanitra ho ataony" na "nanap izay nahafinaritra an'Andriamanitra"

**resin-tory izy**  
 DH: "maty izy"

**nampandriana niaraka tamin'ireo rainy izy**  
 "nalevina niaraka tamin'ireo razambeny izay efa maty izy"

**niharan'ny fahasimbana**  
 DH: "tsy ho lo ny vatany"

**Fa izy izay**  
 "fa i Jesosy izay"

**niharan'ny fahasimbana**  
 DH: 'tsy ho lo"

#### **Acts 13:38**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny "azy" dia manondro an'i Jesosy

**aoka ho fantatrareo izany**  
 "fantaro fa" na "zava-dehibe ny fahafantaranareo"

#### **ry rahalahy**

Nampiasa io fiantsoana io i Paoly satria izy ireo dia namany Jiosy ary mpanaradian'ny Jodaisma. Izy ireo dia tsy mpino Kristianina tamin'io fotoana io. DH: "ry Israelita namako ary ireo namako hafa"

#### **fa tamin'ny alalan'io lehilahy io no nanambarana taminareo ny famelana ny fahotana**

DH: "fa izahay hanambara aminareo fa ny fahotananareo dia voavela amin'ny alalan'i Jesosy Kristy"

#### **famelana ny fahotana**

DH: "Fa Andriamanitra dia hamela ny otanareo"

**Amin'ny alalany ny olona tsirairay izay mino**  
 "ireo rehetra izay mino Azy"

**Amin'ny alalany ny olona tsirairay izay mino dia voamarina**

DH: "I Jesosy dia hanamarina izay rehetra mino"

**ny zavatra rehetra**  
 "ny fahotana rehetra"

#### **Acts 13:40**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Namarana ny lahateniny tao amin'ny synagoga tao Antiokia any Pisidia i Paoly, izay nanomboka tao amin'ny 13:16

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ao amin'ny hafany ho an'ny olona tao amin'ny synagoga dia nanonona ny mpaminany Habakoka i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny "Izaho" dia manondro an'Andriamanitra.

**mitandrema**  
 Midika izany fa ny zavatra tokony hotandremana dia ny hafatr'i Paoly. DH: "diniho tsara ireo zavatra nolazaiko"

**ho levona**  
 "ho faty"

**amin'ny andronareo**  
 "mandritrin'ny androm-piainanareo"

#### **Acts 13:42**

**ireo teny ireo ihany**  
 Eto ny "ireo teny ireo ihany" dia manambara ilay hafatra nolazain'i Paoly. DH: "Ilay hafatra io ihany"

**Rehefa tapitra ny fivoriana tao amin'ny Synagoga**  
 Ireo mety handikana azy 1) Satria i Paoly sy Barnabasy dia nandao" na 2) Nandao ny fivoriana i Paoly sy Barnabasy talohan'ny nifaranany ary izany dia nitranga taty aoriana.

**ireo proselita**

reo dia olona tsy Jiosy izay niova fo ho amin'ny Jodaisma.

**mba hanohy ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra**

Midika izany fa nino ny hafatr'i Paoly izy ireo fa i Jesosy no Mesia. DH: "hanohy hatoky fa mamela ny fahadisoan'ny olona Andriamanitra noho ny nataon'i Jesosy"

**Acts 13:44****Fampahafantaarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "azy" dia manondro an'i Paoly.

**saika ny tanàna manontolo**

Ny "tanàna" dia maneho ny olona ao an-tanàna. Ity fehezanteny ity dia ampiasaina mba hampisehoana ny valiny lehibe amin'ny tenin'ny Tompo. DH: "ampahany lehibe amin'ny tanàna"

**mba handre ny tenin'ny Tompo**

Voalaza fa i Paoly sy i Barnabasy no niteny ny tenin'ny Tompo. DH: "mba hihainoan'i Paoly sy Barnabasy ny momba an'i Jesosy Tompo"

**Ireo Jiosy**

Eto "Ireo Jiosy" dia misolo-tena ireo mpitarika Jiosy. DH: "ireo mpitarika Jiosy"

**feno fialonana**

Eto ny fialonana dia voalaza fa toy ny hoe zavatra mety hameno olona. DH: "nialona be"

**Acts 13:46****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny endri-tsoratra roa voalohany amin'ny teny hoe "ianareo" dia milaza ireo Jiosy izay niresahan'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Paoly sy i Barnabasy fa tsy ny vahoaka izay nanatrika teo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny nambaran'i Paoly dia avy amin'ny mpaminany Isaia ao amin'ny Testamenta Taloha. Ao amin'ny andalan-teny voalohany, ny teny hoe "Izaho" dia manondro an'Andriamanitra ary ny teny hoe "Ianao" dia manondro ny Mesia. Eto dia milaza i Paoly sy i Barnabasy fa ny teny nindramina dia manondro ny asa fanompoany ihany koa.

**Ilaina**

Izany dia midika fa Andriamanitra no nanome baiko hamitana izany. DH: "Nandidy Andriamanitra"

**ho voalaza aminareo mialoha ny tenin'Andriamanitra**

DH: "fa izahay no miteny aminareo mialoha ny tenin'Andriamanitra"

**manosika izany ianareo**

Ny fandavana ny tenin'Andriamanitra dia nolazaina fa toy ny zavatra nanosika azy ireo. DH: "Satria mandà ny tenin'Andriamanitra ianareo"

**mihevitra ny tenanareo ho tsy mendrika ny fiainana mandrakizay**

"efa nasehonao fa tsy mendrika ny fiainana mandrakizay ianao" na "manao zavatra toy ny hoe tsy mendrika ny fiainana mandrakizay"

**hiverina any amin'ny Jentilisa izahay**

Eto ny "hiverina" dia manondro ny fiovana amin'ny olona ampiaranin'izy ireo. DH: "Ankehitriny izahay dia hitondra ny hafatra amin'ireo Jentilisa"

**ho fahazavana**

Eto ny marina momba an'i Jesoa izay nitorian'i Paoly dia voalaza fa toy ny hazavana izay namela ny olona hahita.

**hitondranareo famonjena ho an'ireo izay any amin'ny fara-vazan-tany**

Ny teny hoe "famonjena" dia azo adika koa3 hoe "hamonjy." Ny fehezanteny hoe "fara-vazan-tany" dia manondro na aiza na aiza. DH: "milazà olona manerana izao tontolo izao fa te hamonjy azy ireo Aho"

**Acts 13:48****faly sy nidera ny tenin'ny Tompo**

Ny "teny" eto dia manondro ny hafatra momban'i Jesoa izay ninoan'izy ireo. DH: "nidera an'Andriamanitra noho ilay hafatra momba an'i Jesosy Tompo"

**Ary maro ireo izay voatendry ho amin'ny finoana ny fiainana mandrakizay**

DH: "Izay rehetra notendren'Andriamanitra ho amin'ny fiainana mandrakizay dia nino" na "Ireo olona rehetra izay nofidian'Andriamanitra hahazo ny fiainana mandrakizay"

**Ary ny tenin'ny Tompo dia niely eraky ny faritra manontolo**

Eto ny "teny" dia manondro ny hafatra momban'i Jesosy. DH: "Ireo izay nino dia nanaparitaka ny tenin'ny Tompo manerana ny faritra manontolo" na "Ireo izay nino dia nivezivezy tany amin'ny faritra rehetra ary nilaza tamin'ny hafa ny hafatr'i Jesosy"

**Acts 13:50****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

izany dia mba hanondroana ireo vahoaka tsy mpino izay nolavin'Andriamanitra ary ho saizany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" eto dia maondro an'i Paoly sy Barnabasy.

**Jiosy**

DH: "Ireo mpitarika Jiosy"

**namporisika**

"nandresy lahatra"

**ireo lehilahy mpitarika**

"ireo lehilahy tena manan-danja"

**Niteraka fanenjehana ho an'i Paoly sy Barnabasy izany**

"Nandresy lahatra ireo lehilahy sy vehivavy manan-danja hanenjika an'i Paoly sy i Barnabasy "

**nanipy azy ireo ho any ivelan'ny sisin-tanin'ny tanàna**

"nandroaka an'i Paoly sy Barnabasy hivoaka ny tanàna"

**nanintsana ny vovoka tamin'ny tongotr'izy ireo mba hanoherana azy ireo**

izany dia mba hanondroana ireo vahoaka tsy mpino izay nolavin'Andriamanitra ary ho sazi any.

**mpianatra**

Izany angamba dia manondro ireo mpino vaovao tany Antiokia any Pisidia izay vao nilaozan'i Paoly sy i Silasy



## Chapter 14

<sup>1</sup> Ary tamin'izany tao Ikonioma Paoly sy Barnabasy niara-niditra tao amin'ny Synagoga'ny jiosy ka niresaka tam-pahavitrihana ary ny vahoaka maro be Jiosy sy Grika dia nino. <sup>2</sup> Fa ny jiosy izay tsy nankato kosa dia nanakorontana ny fisainan'ny jentilisa ka nahatonga azy ireo hanohitra ireo rahalahy. <sup>3</sup> Ka nitoetra ela teo izy ireo, niteny am-pasahiana niaraka tamin'ny herin'ny Tompo, tamin'ny nanomezany porofo mahakasika ny hafatra ny amin'ny fahasoavany. Izy nanao izany tamin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana izay natao tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly sy Barnabasy. <sup>4</sup> Saingy ny ankamaroan'ny tanàna dia nizarazara: ny olona sasany niandany niaraka tamin'ireo jiosy, ary ny sasany niaraka tamin'ireo apostoly. <sup>5</sup> Rehefa nanandrana nandresy lahatra ny mpitarika azy ireo ny Jentilisa sy ny Jiosy mba hamono sy hitora-bato an'i Paoly sy Barnabasy, <sup>6</sup> dia nanjary niafina izy ireo ary nandositra haingana tao antanànan'ny Lykaonia, Lystra sy Derbe, ary ireo tanàna manodidina ny faritra, <sup>7</sup> ka tany izy ireo no nanambara ny filazantsara. <sup>8</sup> Nisy lehilahy iray nipetraka tao Lystra, malemy ny tongony, hatrany ankibon-dreniny, izay efa tsy nandeha hatramin'izay. <sup>9</sup> Io lehilahy io nandre an'i Paoly niteny. Paoly nanatrika azy tsara teo amin'ny masonry ka nahita fa manana finoana ny ho sitrana izy. <sup>10</sup> Koa nilaza taminy izy tamin'ny feo mahery hoe: "Mitsangàna amin'ny tongotrao." Noho ny avy eo ilay lehilahy dia nitsambikimbikina ary nandeha teo amin'ny manodidina. <sup>11</sup> Rehefa nahita izay nataon'i Paoly ireo vahoaka maro be dia nanandratra ny feony izy ireo, niteny tamin'ny fitenin'ny Lykonina hoe: "Nidina avy any an-danitra ho amintsika amin'ny endrik'olona ireo andriamanitra." <sup>12</sup> Niantso an' i Barabasy izy ireo hoe "Jopitera", ary Paoly "Merkory", satria izy no mpandaha-teny. <sup>13</sup> Ny mpisoron'i Jopitera, izay ny tempoly dia teo ivelan'ny tanàna, dia nitondra omby sy fehiloa vy teo am-bavahady; izy sy ny vahoaka maro be nikasa hanome sorona. <sup>14</sup> Fa ny apostoly, Barnabasy sy Paoly, rehefa nandre izany dia nandrovitra ny fitafiany izy ireo ka nandeha haingana ho ao anaty vahoaka, nitaraina sy niteny hoe: <sup>15</sup> "Ry lehilahy, nahoana ianareo no manao izao zavatra izao? Izahay ihany koa dia olombelona mitovy fahatsapana aminareo ihany. Izahay mitondra ny filazantsara ho anareo, mba hitodihanareo hiala amin'izao zava-poana izao ho any amin'Andriamanitra velona, izay nanao ny lanitra, ny tany, ary ny ranomasina sy ny zava-drehetra izay ao aminy. <sup>16</sup> Tamin'ny andro taloha, izy dia namela ny firenena rehetra nandeha tamin'ny lalany manokana avy. <sup>17</sup> Kanefa, izy dia tsy namela ny tenany tsy hisy vavolombelona, tao amin'izany dia nanao ny tsara izy ary nanome anareo ranon'orana avy any an-danitra sy vanim-potona mahavokatra, ka hameno ny fonareo amin'ny sakafo sy firavoravoana." <sup>18</sup> Fa na dia tamin'izany teny izany aza, Paoly sy Barnabasy dia tsy nitsahatra nihazona ny vahoaka maro be tsy hanao sorona ho azy ireo. <sup>19</sup> Fa ny Jiosy sasany avy ao Antiokia sy Ikonioma dia tonga ary nandresy lahatra ny vahoaka. Izy ireo nitora-bato an'i Paoly sy nitarika azy hivoaka ny tanàna, ary nieritreritra fa maty izy. <sup>20</sup> Ary raha mbola nijoro nanodidina azy teo ireo mpianatra, dia nitsangana izy ary niditra ny tanàna. Ny ampitso, dia nandeha nankany Derbe niaraka tamin'i Barnabasy izy. <sup>21</sup> Avy eo izy ireo nanambara ny filazantsara tao amin'izany tanàna izany ka nahazo mpianatra maro, niverina tao Lystra izy ireo, tany Ikonioma, sy tany Antiokia. <sup>22</sup> Izy ireo dia nanohy nampahery ny fanahin'ireo mpianatra ary namporisika azy mba hanohy ao amin'ny finoana, no sady nilaza fa: "Tsy maintsy amin'ny fahoriana maro be no hidirantsika ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra." <sup>23</sup> Rehefa nanendry loholona ho azy ireo teo amin'ny isam-piangonana izy ireo, sy nivavaka tamin'ny fifadian-kanina, dia natolotr'izy ireo ho an'ny Tompo izany, izay ninoan'izy ireo. <sup>24</sup> Dia nandalo tamin'ny Pisidia izy ireo ka tonga tao Panfilia. <sup>25</sup> Rehefa nanambara ny teny tao Perga izy ireo, dia nandeha nidina tany Atalia. <sup>26</sup> Avy tany izy ireo no niantsambo nidina ho any Antiokia, izay nahazoan'izy ireo ny fahasoavan' Andriamanitra ho an'ny asa izay vitan'izy ireo ankehitriny. <sup>27</sup> Rehefa tonga tao Antioka izy ireo ary nanangona niaraka ny fiangonana, dia nitatitra ny zavatra rehetra izay vitan'Andriamanitra tamin'izy ireo, sy hoe ahoana no namoahany varavaran'ny finoana ho an'ireo Jentilisa. <sup>28</sup> Dia nijanona fotoana ela niaraka tamin'ireo mpianatra izy ireo

### Acts 14:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Mitohy ny tantaran'i Paoly sy i Barnabasy tao Ikonioma.

### Ary tamin'izany tao Ikonioma

Ireo azo handikana azy 1) "izany dia nitranga tao Ikonioma" na 2) "Tahaka ny mahazatra tao Ikonioma"

### niresaka tam-pahavitrihana

"niresaka tamim-pahavitrihana." Mety hanampy raha lazaina fa niresaka momban'i Jesosy izy ireo.

DH: "niresaka ny hafatra momba an'i Jesosy tamim-pahavitrihana"

#### **jiosy izay tsy nankato**

Io dia manondro ny ampahany tamin'ireo Jiosy izay tsy nino ilay hafatra momban'i Jesosy.

#### **fisainana**

Ny teny "fisainana" eto dia manondro ireo olona.

DH: "ireo Jentilisa"

#### **ireo rahalahy**

Eto ny "ireo rahalahy" dia manondro an'i Paoly sy i Barnabasy ary ireo Mpino vaovao.

### **Acts 14:3**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Izy" dia manondro ny Tompo

#### **Ka nitoetra ela teo izy ireo**

"nitoetra ela teo izy ireo." I Paoly sy i Barnabasy dia nitoetra tao Ikonioma mba hanampy ireo olona maro izay nino tao amin'ny 14: 1.

#### **nanomezany porofo mahakasika ny hafatra ny amin'ny fahasoavany**

"Nampisehoana fa ny hafatra momban'ny fahasoavany dia marina"

#### **mahakasika ny hafatra ny amin'ny fahasoavany**

"mahakasika ny hafatrin'ny fahasoavan'ny Tompo"

#### **tamin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana izay natao tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly sy Barnabasy**

DH: "Amin'ny fahafahan'i Paoly sy i Barnabasy manao ireo famantarana sy zava-mahagaga"

#### **tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly sy Barnabasy**

Eto ny "tanana" dia manondro ny sitrapo sy ny ezaka ataon'ireo lehilahy roa ireo teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. DH: "avy amin'ny asa fanompoan'i Paoly sy i Barnabasy"

#### **ankamaroan'ny tanàna dia nizarazara:**

Eto ny "tanàna" ity dia manondro ny olona ao an-tanàna. DH: "nizara ny ankamaroan'ny mponina tao an-tanàna" na "tsy nifankahazo ny ankamaroan'ny mponina tao an-tanàna"

#### **sasany niandany niaraka tamin'ireo jiosy**

"nanohana ireo Jiosy "na" nifanaiky tamin'ireo Jiosy". Ny vondrona voalohany voalaza dia tsy nanaiky ny hafatra momba ny fahasoavana.

#### **ny sasany niaraka tamin'ireo apostoly**

Ny vondrona faharoa dia nanaiky ny hafatra momba ny fahasoavana. DH: "niaraka tamin'ireo apostoly"

### **Acts 14:5**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" eto dia manondro an'i Paoly sy Barnabasy.

#### **nanandrana nandresy lahatra ny mpitarika azy ireo**

"niezaka nandresy lahatra ireo mpitarika tao Ikonioma." Eto ny "nanandrana" dia manambara fa tsy afaka nandresy lahatra tanteraka azy ireo izy ireo talohan'ny nandaozan'ireo apostoly ny tanàna.

#### **mba hamono sy hitora-bato an'i Paoly sy Barnabasy**

"mba hikapoka an'i Paoly sy i Barnabasy ary hamono azy ireo amin'ny fitoraham-bato"

#### **Lykaonia**

Distrika iray any Azia Minora

#### **Lystra**

Tanàna iray ao Azia Minora, atsimon'Ikonioma ary avaratr'i Derbe.

#### **Derbe**

Tanàna iray ao Azia Minora, atsimon'Ikonioma sy Lystra

#### **tany izy ireo no nitory ny filazantsara**

I Paoly sy i Barnabasy ihany koa dia nitory ny filazantsara tany"

### **Acts 14:8**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tao Lystra i Paoly sy Barnabasy teto.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Fampahafantarana ankapobeny: Ny teny voalohany hoe "izy" dia manondro ilay lehilahy nalemy; Ny teny faharoa hoe "izy" dia manondro an'i Paoly. Ny teny hoe "azy" dia manondro ilay lehilahy malemy.

#### **lehilahy iray nipetraka**

Izany dia mampiditra olona vaovao ao anatin'ny tantara.

#### **malemy ny tongony**

"tsy afaka nanetsika ny tongony"

#### **Nibanjina tsara ny masony i Paoly**

"Nijery tsara azy i Paoly"

#### **manana finoana ny ho sitrana**

"nino fa Andriamanitra dia afaka hanasitrana azy" na "nino fa i Jesosy dia afaka hanasitrana azy"

#### **nitsambikimbikina**

Izany dia manambara fa sitran tanteraka ireo tongony.

### **Acts 14:11**

#### **izay nataon'i Paoly**

Izany dia manondro ilay fanasitranana nataon'i Paoly tamin'ilay lehilahy nalemy.

**'Nidina avy any an-danitra ho amintsika ireo andriamanitra**

Olona maro no nino fa i Paoly sy i Barnabasy no andriamanitra ny fanompoan-tsampin' izy ireo izay nidina avy any an-danitra. DH: "Nidina avy any an-danitra ho antsika ireo andriamanitra"

**tamin'ny fitenin'ny Lykonina**

"tamin'ny fiteny Lykaonianina". Ny olona tao Lystra dia niteny Lykaonianina ary ihany koa Grika.

**amin'ny endrik'olona**

Nino ireo olona ireo fa ireo Andriamanitra dia tokony haka ny endrik'izy ireo mba hitovian'izy ireo toy ny olona.

**Niantso an' i Barabasy izy ireo hoe 'Jopitera'**

I Jopitera no mpanjaka tamin'ireo andriamanitra ny mpanompo sampy hafa rehetra.

**Paoly "Merkory", satria izy no mpandaha-teny**

I Merkory no andriamanitra ny mpanompo sampy nitondra hafatra ho an'ny olona avy any amin'ny Jopitera sy ireo andriamanitra hafa.

**Ny mpisoron'i Jopitera , izay ny tempoly dia teo ivelan'ny tanàna, dia nitondra**

DH: "Nisy tempoly iray teo ivelan'ny tanàna izay nivavahan'ny olona an'Jopitera. Rehefa nahare ny zavatra nataon'i Paoly sy i Barnabasy tao amin'ny tempoly ilay mpisorona dia nitondra"

**omby sy fehiloaha vy**

Ireo omby dia hatao sorona. ireo fehiloaha kosa dia ho atao satroka eo an-dohan'i Paoly sy i Barnabasy, na hapetraka amin'ireo omby ho atao sorona.

**teo am-bavahady**

Ny vavahadin'ireo tanàna matetika natao dia ho toerana fivoriana ho an'ny mponina ao an-tanàna.

**nikasa hanome sorona**

"Te hanolotra fanatitra ho an'i Paoly sy i Barnabasy amin'ny maha andriamanitra Jaopetera sy Merkory azy ireo"

## Acts 14:14

**nandrovitra ny fitafiany izy ireo**

Izany dia fihetsika hanehoana ny hatezeran'izy ireo fa ireo vahoaka dia naniry ny hanao sorona azy ireo.

**Ry lehilahy, nahoana ianareo no manao izao zavatra izao?**

Niteny mafy ireo olona izay niezaka nanao sorona azy ireo i Barnabasy sy i Paoly. DH: "Ry lehilahy, ianareo dia tsy tokony hivavaka aminay!"

**Izahay ihany koa dia olombelona mitovy fahatsapana aminareo ihany**

Tamin'io fanambarana io i Barnabasy sy i Paoly dia milaza fa izy ireo dia tsy Andriamanitra. DH: "Izahay dia olombelona tahaka anareo fotsiny ihany. Izahay dia tsy Andriamanitra!"

**mitovy fahatsapana aminareo ihany**

"tahaka anareo amin'ny lafiny rehetra"

**hitodihanareo hiala amin'izao zava-poana izao ho any amin'Andriamanitra velona**

"atsaharo ny fivavahanareo amin'ireo andriamanitra sandoka izay tsy afaka ny hanampy anareo fa mivavaha kosa amin'ny Andriamanitra velona"

**amin'Andriamanitra velona**

"Andriamanitra izay tena misy marina"

**nandeha**

"miaina araka ny"

## Acts 14:17

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy niresaka tamin'ireo vahoaka tany ivelan'ny tanànan'i Lystra i Paoly sy i Barnabasy.

**Izy dia tsy namela ny tenany tsy hisy vavolombelona**

"Andriamanitra efa namela vavolombelona tokoa" na hoe "nijoro ho vavolombelona tokoa Andriamanitra"

**tao amin'izany**

"araka ny asehon'ny zava-misy izay"

**hameno ny fonareo amin'ny sakafo sy firavoravoana**

Eto ny "fonareo" dia ireo olona. DH: "nanome sakafo ampy hoanina sy ireo zavatra maharavoravo"

**Paoly sy Barnabasy dia tsy nitsahatra nihazona ny vahoaka maro be tsy hanao sorona ho azy ireo**

I Paoly sy Barnabasy dia nanakana ny maro tsy hanao sorona ho azy ireo, saingy sarotra ny nanao izany.

**tsy nitsahatra nihazona**

"sarotra ny nanakana"

## Acts 14:19

**Fampahafantarana ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly

**nandresy lahatra ny vahoaka**

Tsara raha faritana mazava izay noresen'izy ireo lahatra ho ataon'ny vahoaka. DH: "nandresy lahatra ny olona tsy hino an'i Paoly sy i Barnabasy, ary hamadika azy ireo"

**ny vahoaka**

Io dia mety tsy ilay vondrona "vahoaka" izay tao amin'ny andininy teo aloha intsony. Fotoana vitsy no lasa, ary mety ho andiany hafa izany.

**ireo mpianatra**

Izy ireo dia mpino vaovao tao amin'ny tanànan'i Lystra.

**niditra ny tanàna**

"Niverina niditra tao Lystra niaraka tamin'ireo mpino i Paoly"

**Acts 14:21****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy" sy "izy ireo" dia miresaka an'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" dia ahitana an'i Paoly, i Barnabasy, ary ireo mpino.

**izany tanàna izany**

"Derbe"

**Izy ireo dia nanohy nampahery ny fanahin'ireo mpianatra**

Eto ny "fanahy" dia manondro ireo mpianatra. Izany dia manamafy ny eritreritr'izy ireo sy ny finoany. DH: "Nampirisika an'ireo mpino i Paoly sy Barnabasy mba hino foana ny hafatra momba an'i Jesosy" na "i Paoly sy i Barnabasy dia namporisika ireo mpino mba hanohy hihamatanjaka amin'ny fifandraisany amin'i Jesosy."

**namporisika azy ireo mba hitohy ao amin'ny finoana**

"namporisika ireo mpino hanohy hatoky an'i Jesosy"

**Acts 14:23****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ankoatra ny fampiasana fahatelo ny teny hoe "izy ireo" izay manondro ny olona izay nentin'i Paoly sy i Barnabasy ho an'ny Tompo, dia ny teny hoe "izy ireo" eto dia miresaka an'i Paoly sy i Barnabasy.

**Rehefa nanendry loholona ho azy ireo teo amin'ny isam-piangonana izy ireo**

Rehefa nanendry mpitarika isak'ireo vondrona mpino vaovao i Paoly sy Barnabasy"

**natolotr'izy ireo**

Ireo mety ho dikany 1) "'i Paoly sy i Barnabasy dia nanankina tamin' ireo loholona izay notendren'izy ireo", na 2) "Nankinin'i Paoly sy Barnabasy ireo mpitarika sy ireo mpino hafa"

**izay ninoan'izy ireo**

ny teny "izy ireo" dia miankina amin'ny safidy nandikanao azy tao amin'ny fanamarihana teo aloha (na loholona na mpitarika na mpino hafa).

**nandeha nidina tany Atalia**

Ny fehezanteny hoe "nidina" dia ampiasaina eto satria Atalia dia ambany noho ny Perga.

**izay nahazoan'izy ireo ny fahasoavan' Andriamanitra**

DH: "izay nandraisan'ny mpino sy ny mpitarika tao Antiokia an'i Paoly sy i Barnabasy ho amin'ny fahasoavan 'Andriamanitra" na "toerana izay nivavahan'ny Antioka mba hiahina sy hiarovan'Andriamanitra an'i Paoly sy i Barnabasy"

**Acts 14:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo", "Izy ireo", ary "azy ireo" dia miresaka an'i Paoly sy i Barnabasy. Ny teny hoe "Izy" dia manondro an'Andriamanitra.

**nanangona ny fiangonana hivondrona**

Niantso ireo mpino teo an-toerana mba hiaona miaraka"

**namoahany varavaran'ny finoana ho an'ireo Jentilisa**

Ny famelan'Andriamanitra ireo Jentilisa hino izay voalaza toy ny hoe efa nanokafany varavarana izay nanakana azy ireo amin'ny tsy hiditra amin'ny finoana. DH: "Nataon'Andriamanitra nino ireo Jentilisa"

## Chapter 15

<sup>1</sup> Ny olona sasany dia nidina avy tany Jodia hatrany Antiokia ary nampianatra ireo rahalahy, ka niteny hoe: "Raha tsy vita famorana araka ny fomba fanaon'i Mosesy ianareo, dia tsy ho voavonjy ianareo." <sup>2</sup> Izany dia nitondra an'i Paoly sy Barnabasy tao anaty fifandirana sy ady hevitra tamin'izy ireo. Noho izany i Paoly sy i Barnabasy dia voatendry niaraka tamin'ny sasany hafa tamin'izy ireo hiakatra any Jerosalema mba hihaona amin'ireo apostoly sy ireo loholona momba izany fanontaniana izany. <sup>3</sup> Noho izany izy ireo, nalefan'ny fiangonana, dia namakivaky an'i Foinika sy Samaria ary nanambara ny fiovam-pon'ireo Jentilisa. Izy ireo dia nitondra hafaliana lehibe tamin'ireo rahalahy rehetra. <sup>4</sup> Rehefa tonga tao Jerosalema izy ireo, dia noraisin'ny fiangonana sy ireo apostoly ary ireo loholona, ka nitatitra ireo zavatra rehetra izay nataon' Andriamanitra tamin'izy ireo. <sup>5</sup> Nefa ny olona sasany izay nino, izay tao amin'ny tarik'ireo Fariseo, dia nitsangana sy niteny hoe: "Ilaina ny manao ny famorana azy ireo sy ny mibaiko azy ireo hitandrina ny lalàn'i Mosesy." <sup>6</sup> Noho izany ireo apostoly sy ireo loholona dia niara-nivory mba handinika izany zavamisy izany. <sup>7</sup> Taorian'ny ady hevitra be, nitsangana i Petera ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Ry rahalahy, fantatrareo fa efa taloha ela be Andriamanitra no nanao safidy teo aminareo, mba ho amin'ny alalan'ny vavako dia tokony handre ny tenin'ny filazantsara ireo Jentilisa, ary hino. <sup>8</sup> Andriamanitra, izay mahafantatra ny fo, vavolombelona amin'izy ireo, nanome ny Fanahy Masina azy ireo, toy ny nataony tamintsika; <sup>9</sup> ary tsy nanao fanavakavahana tamintsika sy tamin'izy ireo Izy, nanadio ny fon'izy ireo tamin'ny finoana. <sup>10</sup> Ary noho izany nahoana ianareo no mitsapa an'Andriamanitra, hoe tokony hametrahanao zoga eo amin'ny vozon'ireo mpianatra nefa na ny razantsika na isika aza tsy mahavita milanja? <sup>11</sup> Nefa mino isika fa ho voavonjy amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Tompo Jesosy, toa azy ireo ihany koa." <sup>12</sup> Ny olona rehetra dia nitazona ny fahanginana nandritry ny nihainoan'izy ireo an'i Barnabasy sy Paoly mitatitra ireo famantarana sy ireo fahagagana niasan'Andriamanitra izay niasa tamin'ireo Jentilisa tamin'ny alalan'izy ireo. <sup>13</sup> Rehefa avy nijanona niresaka izy ireo, dia namaly Jakoba, niteny hoe: "Ry rahalahy, henoy aho. <sup>14</sup> I Simeona dia efa nanambara ny fomba nanampian'Andriamanitra tam-pahasoavana voalohany ireo Jentilisa mba haka amin'izy ireo olona ho an'ny anarany. <sup>15</sup> Ireo tenin'ireo mpaminany dia momba izany, araka ny voasoratra hoe: <sup>16</sup> 'Aorian'ireo zavatra ireo dia hiverina aho, ary hanangana indray ny trano lain'i Davida aho, izay efa nianjera; Hanamboatra sy hamerina amin'ny laoniny indray ireo faharavany aho, <sup>17</sup> mba hitady ny Tompo ireo olona sisa tavela, ao anatin'izany ireo Jentilisa rehetra izay antsoina amin'ny anarako.' <sup>18</sup> Izao no nolazain'ny Tompo, ireo izay efa nanao ireo zavatra ireo izay efa fantatra tamin'ireo razambe fahiny. <sup>19</sup> Noho izany, ny hevitra dia, tsy tokony hanakorontana ireo avy amin'ny Jentilisa izay nitodika tamin'Andriamanitra isika. <sup>20</sup> Fa isika dia hanoratra ho azy ireo fa tsy maintsy miala amin'ny fahalotoan'ireo sampy izy ireo, amin'ny fahavetavetana, ary amin'ny henan'ireo biby voakenda, sy amin'ny rà izy ireo. <sup>21</sup> Satria Mosesy dia efa voambara tamin'ny isan-tanàna tamin'ny andro fahiny ary izy dia vakiana ao amin'ireo synagoga isaky ny Sabata." <sup>22</sup> Dia toa tsara tamin'ireo apostoly sy ireo loholona, niaraka tamin'ny fiangonana manontolo, ny hifidy an'i Joda izay antsoina hoe Barsabasy, sy i Silasy, izay mpitarika ny fiangonana, sy ny handefa azy ireo any Antokia miaraka amin'i Paoly sy Barnabasy. <sup>23</sup> Izy ireo dia nanoratra ity: "Hatrany amin'ireo apostoly sy ireo loholona, ireo rahalahinareo, hatramin'ireo rahalahy avy any Jentily any Antiokia, Siria, ary Kilikia: Arahaba! <sup>24</sup> Isika dia efa nandre fa ireo olona sasany dia niala tamintsika, tsy nisy baiko avy amintsika, ary nanelingelina anareo tamin'ireo fampianarana izay nampikorontana ny fanahinareo. <sup>25</sup> Izao no izy, izahay rehetra dia efa nanaiky ny hifidy ireo lehilahy sy handefa azy ireo any aminareo miaraka amin'i Barnabasy sy Paoly malalanay, <sup>26</sup> lehilahy izay nanao ny ainy tsy ho zavatra ho an'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika. <sup>27</sup> Noho izany izahay dia maniraka an'i Joda sy i Silasy, izay hilaza aminareo io zavatra io ihany amin'ny tenin'izy ireo manokana. <sup>28</sup> Fa toa tsara amin'ny Fanahy Masina sy aminay, ny tsy hampitondra anareo entana lehibe noho ireo zavatra tena ilaina ireo: <sup>29</sup> mba hialanareo amin'ireo zavatra nataonareo ho fanatitra amin'ireo sampy, rà, ireo zavatra voakenda, ary avy amin'ny fahavetavetana. Raha mitandrina ny tenanareo amin'izany ianareo, dia ho tsara aminareo izany. Veloma." <sup>30</sup> Noho izany izy ireo, rehefa voaroaka, dia nidina tany Antiokia; avy eo izy ireo dia namory ny vahoaka niaraka, ary nanolotra ilay taratasy izy ireo. <sup>31</sup> Rehefa voavakin'izy ireo izany, dia nifaly izy ireo noho ny fampaherezana. <sup>32</sup> Joda sy i Silasy, mpaminany ihany koa, dia nankahery ireo rahalahy tamin'ny teny maro sy nampahery azy ireo. <sup>33</sup> Rehefa avy nijanona fotoana vitsivitsy tao izy ireo, dia nalefa ampiadanana avy amin'ireo rahalahy ho any amin'ireo izay nandefa azy ireo izy ireo. <sup>34</sup><sup>35</sup> Fa i Paoly sy Barnabasy dia nijanona tany Antiokia niaraka tamin'ireo maro hafa, izay nampianaran'izy ireo sy nanambaran'izy ireo ny tenin'ny Tompo. <sup>36</sup> Taorian'ny andro vitsy Paoly dia niteny tamin'i Barnabasy hoe: "Andao isika hiverina ankehitriny ary hamangy ireo rahalahy any amin'ny tanàna rehetra izay

nanambarantsika ny tenin'ny Tompo, ary hahita hoe manao ahoana izy ireo." <sup>37</sup> I Barnabasy dia te hitondra ihany koa an'i Jaona izay nantsoina hoe Marka hiaraka amin'izy ireo. <sup>38</sup> Nefa i Paoly nihevitra fa tsy tsara ny hitondrana an'i Marka, izay nandao azy ireo tany Panfilia sy tsy nanohy niara-niasa tamin'izy ireo niasa. <sup>39</sup> Avy eo dia nisy fifandirana mafy, ka nisaraka izy ireo, ary i Barnabasy nitondra an'i Marka niaraka taminy ary nandeha sambo nankany Sipra. <sup>40</sup> Fa i Paoly nifidy an'i Silasy ary nandeha, taorian'ny nanomezan'ireo rahalahy azy andraikitra ho an'ny fahasovan'ny Tompo. <sup>41</sup> Avy eo izy dia nandeha namakivaky an'i Syria sy i Kilikia, ka nampatanjaka ireo fiangonana.

## Footnotes

15:18 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky toy izao: "Izao no nolazain'ny Tompo, amin'ireo izay fantatra tamin'ny andro fahiny ny asany rehetra.

15:34 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny tranainy indrindra dia manala ny andininy faha34 (jereo ny Asa 15:40): "Nefa mbola satrin'i Silasy ny hijanona teo."

## Acts 15:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly sy Barnabasy dia mbola tany Antiokia, fony nisy fifamaliana momban'ireo Jentilisa sy ny famorana.

### Ny olona sasany

"Ny olona sasany." Afaka hazavaina mazava tsara fa ireo olona ireo dia Jiosy izay nino an'i Kristy.

### nidina avy tany Jodia

Ny fehezanteny hoe "nidina" dia ampiasaina eto satria i Jodia dia avo kokoa noho ny Antiokia. Paul sy Barnabasy dia mbola tany Antiokia rehefa nisy fifandirana momba ny Jentilisa sy ny famorana.

### nampianatra ireo rahalahy

Eto "ry rahalahy" dia milaza ireo mpino ao amin'i Kristy. Izany dia manambara fa tany Antiokia izy ireo. DH: "nampianatra ireo mpino tany Antiokia"

### Raha tsy vita famorana araka ny fomba fanaon'i Mosesy ianareo, dia tsy ho voavonjy ianareo

"Raha tsy forain'ny olona araka ny fomban'i Mosesy ianareo, dia tsy afaka ny hamonjy anareo Andriamanitra" na "Andriamanitra tsy hamonjy anareo amin'ny fahotanareo, raha tsy mifora araka ny lalàn'i Mosesy ianareo"

### fifandirana sy ady hevitra tamin'izy ireo

DH: "nifanatrika sy niady hevitra tamin'ireo lehilahy avy any Jodia"

### hiakatra any Jerosalema

Jerosalema dia avo toerana raha ampitahaina amin'ireo toerana hafa tao Israely, ka rariny ny fitenin'ny Israelita hoe niakatra ho any Jerosalema.

### izany fanontaniana izany

"izany olona izany"

## Acts 15:3

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy ireo", "Izy ireo" ary "azy ireo" dia manondro an' Paoly , Barnabasy, ary iireo sasany hafa.

### Noho izany izy ireo, nalefan'ny fiangonana

DH: "Koa ny fiaraha-monin'ireo mpino dia nandefa azy ireo avy any Antiokia ho any Jerosalema"

### nalefan'ny fiangonana

Eto ny "fiamgonana" dia manondro ireo olona izay anisan'ny fiangonana.

### namakivaky an'i Foinika sy Samaria ary nanambara

Ny teny hoe "namakivaky" sy "nanambara" dia manondro fa nandany fotoana vitsivitsy tany amin'ny toerana samihafa izy ireo izay nizara amin'ny antsipiriany ny zavatra nataon'Andriamanitra.

### nanambara ny fiovam-pon'ireo Jentilisa

Ny "fiovam-po" dia midika fa ireo Jentilisa dia nandà ny andriamanitra sandoka an'izy ireo ary nino an'Andriamanitra. DH: "nanambara tamin'ny fiaraha-monin'ny mpino erak'ireo toerana izay nisy Jentilisa nino an'Andriamanitra"

### Izy ireo dia nitondra hafaliana lehibe tamin'ireo rahalahy rehetra

Ny hafatr'izy ireo izay niteraka "hafaliana" teo amin'ireo rahalahy dia resahina toy ny zavatra izay nentin'izy ireo ho an'ireo rahalahy. DH: "Ny zavatra nolazain'izy ireo dia nahatonga ireo mpino namany hifaly"

### 'ireo rahalahy

Eto ny "rahalahy" dia manondro ireo namana mpino.

**noraisin'ny fiangonana sy ireo apostoly ary ireo loholona**  
DH: "ireo apôstôly, ireo loholona, ary ny sisa  
tamin'ireo mpino dia nandray azy ireo"

**tamin'izy ireo**  
"tamin'ny alalan'izy ireo"

## Acts 15:5

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Paoly sy Barnabasy dia efa tany Jerosalema mba  
hihaona tamin'ireo apôstôly sy loholona tao.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino tsy  
Jiosy izay tsy voafora ary tsy nitandrina ny  
lalàn'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha.

**ny olona sasany**  
Eto i Lioka dia mampiseho ny fifanoherana misy eo  
amin'ireo izay mino fa i Jesosy ihany no mpamonjy  
ary ireo hafa izay mino fa ny famorana dia ilaina  
amin'ny famonjena.

**handinika izany zava-misy izany**  
Nanapa-kevitra ny mpitarika ny fiangonana  
hiresaka raha tsy mila na tsia forana ireo Jentilisa  
ary mankatò ny Lalàn'i Mosesy mba  
hamonjen'Andriamanitra azy ireo amin'ny fahotany.

## Acts 15:7

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nanomboka niresaka tamin'ireo Apôstôly sy  
loholona izay nivory i Petera mba hiresaka momba  
ny tsy maintsy handraisan'ireo Jentilisa ny  
famorana ary hitandrina ny lalàna.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny voalohany "izy ireo" dia manondro ireo  
Apostoly sy ireo loholona (15: 5) ary ny teny "izy  
ireo" sy "ny azy ireo" hafa dia manondro ireo  
Jentilisa mpino

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny hoe "anao" dia manondro ireo Apostoly  
sy ireo loholona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny "antsika" dia manondro an'i Petera, ireo  
Apôstôly sy ireo loholona, ary ny mpino rehetra  
amin'ny ankapobeny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny "Izy" eto dia manambara an'Andriamanitra.

**rahalahy**  
Petera dia niresaka tamin'ireo mpino rehetra izay  
nanatrika teo.

**alalan'ny vavako**  
Eto ny teny "vavako" dia manondro an'i Petera. DH:  
"avy amiko" na "tamiko"

**handre ny tenin'ny filazantsara ireo Jentilisa**  
"ireo Jentilisa dia naniry ny handre"

**ny tenin'ny filazantsara**  
Eto ny "teny" dia ny hafatra. DH: "ny hafatra  
momban'i Jesosy"

**izay mahafantatra ny fo**  
Eto ny "fo" ity dia manondro ny "saina" na "toetra  
anaty". DH: "iza no mahalala ny sain'ny olona" na  
"iza no mahalala izay heverin'ny olona"

**vavolombelona amin'izy ireo**  
"vavolombelona amin'ireo Jentilisa"

**nanome ny Fanahy Masina azy ireo**  
"hatonga ny Fanahy Masina hidina amin'izy ireo"

**tsy nanao fanavakavahana**  
Nitovy ny fitondran'Andriamanitra ireo mpino jiosy  
sy ireo mpino Jentilisa.

**nanadio ny fon'izy ireo tamin'ny finoana**  
Ny famelan'Andriamanitra ny helok'ireo mpino  
Jentilisadia toy ny hoe manadio ara-bakiteny ny  
fon'izy ireo. Eto "ny fo" no manondro ny maha-olona  
azy. DH: "mamela ny fahotany satria nino an'i  
Jesosy"

## Acts 15:10

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Mifarana ny resak'i Petera tamin'ireo Apostoly sy  
ireo loholona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Petera dia mampiditra ny mpihaino azy amin'ny  
fampiasany "antsika" sy "isika".

**Ary**  
Tsy midika izany hoe "amin'izao fotoana izao", fa  
ampiasaina mba hisarihana ny saina ho amin'ilay  
teboka manan-danja manaraka aoriana.

**nahoana ianareo no mitsapa an'Andriamanitra, hoe  
tokony hametrahanao zioga eo amin'ny vozon'ireo  
mpianatra nefa na ny razantsika na isika aza tsy  
mahavita milanja?**  
Nampiasa fanontaniana i Petera mba hilazana  
amin'ireo mpino jiosy fa tsy tokony hangataka ireo  
tsy mpino izy ireo hanao ny famorana vao ho  
voavonjy. DH: "Aza maka mitsapa an'Andriamanitra  
amin'ny fametrahana enta-mavesatra amin'ireo tsy  
mpino Jiosy izay tsy zakantsika jiosy ho lanjaina."

**razantsika**  
Io dia manondro ireo razambe Jiosy.

**Nefa mino isika fa ho voavonjy amin'ny alalan'ny  
fahasoavan'i Tompo Jesosy, toa azy ireo ihany koa.**  
DH: "Saingy mino isika fa ny Tompo Jesosy dia  
hamonjy antsika amin'ny fahasoavany, toy ny  
namonjeny an'ireo mpino tsy Jiosy"

**Acts 15:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "amin'izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy Barnabasy.

**niasan'Andriamanitra**

"vitan'Andriamanitra" na "naterak'Andriamanitra"

**Acts 15:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka niresaka tamin'ireo Apostoly sy loholona i Jakoba.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy Barnabasy.

**Ry rahalahy**

"namana mpino"

**mba haka amin'izy ireo olona**

"mba hahafahany misafidy vahoaka iray amin'izy ireo"

**ho an'ny anarany.**

"ho an'ny anaran'Andriamanitra." Eto ny teny hoe "anarana" dia manondro an'Andriamanitra. DH: "ho an'ny tenany"

**Acts 15:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Jakoba dia nindrana ny tenin'ny mpaminany Amosy tao amin'ny Testamenta Taloha.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny "Izaho" dia manondro an'Andriamanitra izay miresaka amin'ny alalan'ny tenin'ireo Mpaminaniny.

**Ireo tenin'ireo mpaminany dia momba izany**

Eto ny "teny" dia midika ho hafatra. DH: "hekeo izay voalazan'ireo mpaminany" na "neken'ireo mpaminany"

**momba izany**

"manamafy izany fahamarinana izany"

**araka ny voasoratra**

DH: "araka ny voasoratr'izy ireo" na "araka ny nosoratan'i Amosy mpaminany tany aloha"

**hanangana indray ny trano lain'i Davida aho, izay efa nianjera**

Izany dia miresaka momba ny nofidin'Andriamanitra ny taranak'i Davida hanapaka ny vahoakany, toy ny hoe nanangana tranolay indray izy taorian'ny nianjerany.

**lay**

eto ny "lay" dia midika ny fianakavian' i Davida.

**mba hitady ny Tompo ireo olona sisa tavela**

Izany dia miresaka momba ny olona te hankato an'Andriamanitra sy hianatra bebe kokoa momba azy, toy ny hoe mitady azy ara-bakiteny.

**mba hitady ny Tompo**

Niresaka momban'ny tenany i Andriamanitra.

**ao anatin'izany ireo Jentilisa rehetra izay antsoina amin'ny anarako**

DH: "ao anatin'izany ireo Jentilisa rehetra izay Ahy"

**ny anarako**

Eto "ny anarako" dia manambara an'Andriamanitra.

**Acts 15:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny laha-teniny tamin'ireo Apostoly sy loholona i Jakoba.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto i Jakoba, ireo Apostoly ary ireo loholona dia voaray ao anatin'ny teny "isika"

**tsy tokony hanakorontana ireo avy amin'ny Jentilisa**

Azonao atao ny manazava mazava hoe ahoana no tsy tian'i Jakôba hanakorontana ireo Jentilisa. DH: "isika dia tsy tokony hangataka ireo Jentilisa ho foraina sy hankato ny lalan'i Mosesy"

**nitodika tamin'Andriamanitra**

Ny olona iray manomboka mankatò an'Andriamanitra dia voalaza fa toy ny hoe nitodika amin'Andriamanitra ny olona

**tsy maintsy miala amin'ny fahalotoan'ireo sampy izy ireo, amin'ny fahavetavetana, ary amin'ny henan'ireo biby voakenda, sy amin'ny rà izy ireo**

Ny fahavetavetana, famonoana biby, ary ny fisotroana rà dia matetika no anisan'ny fombam-pivavahana hanompoana sampy sy ireo andriamanitra diso.

**fahalotoan'ireo sampy**

Izany dia mety midika hoe mihinana henam-biby izay nataon'ny olona sorona ho an'ny sampy na izay zavatra tokony hatao amin'ny fanompoan-tsampy.

**voakenda, sy amin'ny rà**

Andriamanitra dia tsy namela ireo Jiosy hihinana hena izay mbola nisy ny rà tao anatiny. Mbola voarara koa ny fisotroan-drà, na dia teo aza ny asa soratr'i Mosesy ao amin'ny Genesisy. Noho izany dia tsy afaka nihinana biby izay novonoin'ny olona izy ireo satria tsy afaka tanteraka ny rà tamin'ny vatan'ilay biby.

**Mosesy dia efa voambara tamin'ny isan-tanàna tamin'ny andro fahiny ary izy dia vakiana ao amin'ireo synagoga isaky ny Sabata."**

Jakoba dia milaza fa ireo Jentilisa dia mahalala ny maha-zava-dehibe ireo fitsipika ireo satria ireo Jiosy dia mitory azy ireo any amin'ny tanàna rehetra izay



misy ny synagoga. Izany koa dia midika fa ireo Jentilisa dia afaka manatona ireo mpampianatra avy ao amin'ny synagoga mba hianatra bebe kokoa momba ireo fitsipika ireo.

#### **vakiana**

Eto ny "Mosesy" dia miresaka momba ilay lalàna. DH: "mamaky ny lalàn'i Mosesy"

### **Acts 15:22**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto i Joda sy Silasy no ilazana azy ireo. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo apostoly, loholona ary mpino hafa ao amin'ny fiangonana tao Jerosalema.

#### **'ny fiangonana manontolo,**

Eto ny "fiangonana" dia manondro ireo olona izay mpikambana amin'ny fiangonana ao Jerosalema. DH: "ny fiangonana ao Jerosalema" na "ireo fiaraha-monina mpino manontolo tao Jerosalema"

#### **Joda izay antsoina hoe Barsabasy,**

Izany no anaran'ny lehilahy. "Barsabbas" kosa dia fanampin'anarana izay fiantsoan'ny olona azy.

#### **'ireo apostoly sy ireo loholona, niaraka tamin'ny fiangonana manontolo, ny hifidy an'i Joda izay antsoina hoe Barsabasy, sy i Silasy, ry Kilikia: Arahaba!**

Ity no fampidirana ilay taratasy. Ny fitenin'ao dia mety hanana fomba fampidirana ny mpanoratra ny taratasy ary ho an'izay nanoratany azy. DH: "Ity taratasy ity dia avy amin'ireo Apôstôly, ireo loholona, ary ny mpiray finoana ao Jerosalema." Manoratra ho an'ny mpino jentilisa ao Antiokia sy Syria ary Kilikia isika. Arahaba!

#### **Kilikia**

Izany no anaran'ny faritany iray any amin'ny morontsirak'i Azia Minora any avaratry ny nosy Sipra.

### **Acts 15:24**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Isika," "isika" ary "atsika" dia manondro ireo mpino tao amin'ny fiangonana tao Jerosalema.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "antsika" dia manondro ireo mpino tao amin'ny fiangonana tao Jerosalema, ao anatin'izany koa ireo mpino Jentilisa izay nanorotan'izy ireo.

#### **ireo olona sasany dia niala tamintsika, tsy nisy baiko avy amintsika**

"Lehilahy izay tsy nobaikontsika"

#### **nanelingelina anareo tamin'ireo fampianarana izay nampikorontana ny fanahinareo**

Eto ny : fanahy" dia manondro ireo olona. DH: "nampianariko ireo zavatra izay nanenlignelina ahy"

#### **izahay rehetra dia efa nanaiky ny hifidy "niara-nanaiky isika"**

#### **hifidy ireo lehilahy**

ireo lehilahy izay nalefany dia Joda, Barnabasy ary Silasy.

#### **ho an'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika**

Eto ny "anarana" dia manondro ny olona iray manontolo. DH: "satria mino an'i Jesosy Kristy Tompontsika izy ireo" na "noho izy manompo an'i Jesosy Kristy Tompontsika"

### **Acts 15:27**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Izany dia miresaka ilay soratra avy any amin'ny fiangonan'i Jerosalema ho any amin'ireo Mpino Jentilisa tao Antiokia.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" sy "isika" dia manondro ireo mpitarika sy mpino tao amin'ny fiangonana tany Jerosalema.

#### **izay hilaza aminareo io zavatra io**

"izay milaza ny tenany manokana ny zavatra izay nosoratantsika"

#### **ny tsy hampitondra anareo entana lehibe noho ireo zavatra tena ilaina**

Izany dia miresaka momba ny lalàna izay tokony hankatoavin'ny olona toy ny hoe zavatra entin'izy ireo eo amin'ny sorony.

#### **ireo zavatra nataonareo ho fanatitra amin'ireo sampy**

Midika izany fa tsy mahazo mihinana henam-biby izay nisy nanao sorona ho an'ny sampy.

#### **rà**

Izany dia manambara ny fisotroana rà na fihinanana hena izay tsy nalatsa-drà.

#### **zavatra nokendaina**

ny atao hoe biby nokendaina dia biby novonoina ho faty fa tsy nalatsa-drà

#### **Veloma**

Izany dia manambara ny faran'ilay taratasy.

### **Acts 15:30**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nandao an'i Antokia i Paoly, Barnabasy, Joda, ary i Silasy.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

eto ny teny "izy ireo" roa voalohany dia manindro an'i Paoly, Barnabasy, Joda, ary Silasy. Ny teny hoe "izy ireo" manaraka sy ny teny hoe "azy ireo" dia manondro ny mpino jentilisa tany Antiokia.

**rehefa voaroaka izy ireo**

DH: "rehefa naniraka azy ireo ireo Apostoly ary ireo loholona" na "rehefa noroasin'ireo mpino tao Jerosalema izy ireo"

**nidina tany Antiokia**

Ny fehezanteny hoe "nidina" dia ampiasaina eto satria Antiokiaa dia ambany kokoa noho Jerosalema.

**mpaminany ihany koa**

Ny mpaminany dia nahazo alalana avy amin'Andriamanitra hiteny ho Azy. DH: "satria mpaminany izy ireo" na "izay mpaminany"

**ireo rahalahy**

"ireo namana mpino"

**nampatanjaka azy ireo**

Ny fanampiana ireo olona mba hiantehitra bebe kokoa amin'i Jesosy dia lazaina fa toy ny hoe mapatanjaka kokoa azy ireo.

**Acts 15:33****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Niverina tao Jerosalema Joda sy Silasy raha nijanina tao Antiokia Paoly.

**Rehefa avy nijanona fotoana vitsivitsy tao izy ireo**

Izany dia miresaka momban'ny fotoana ho toy ny entam-barotra izay afaka lanina. DH: "Rehefa nijanona fotoana vitsy tao izy ireo"

**nalefa am-piadanana avy amin'ireo rahalahy ho any amin'ireo izay nandefa azy ireo izy ireo**

Nalefan'ireo mpiralahy am-piadanana izy ireo

**am-piadanana avy amin'ireo rahalahy**

"amin'ny maha mpinamana avy any Antiokia azy ireo"

**amin'ireo izay nandefa azy ireo izy ireo**

"ho an'ireo mpino tao Jerosalema izay naniraka an'i Joda sy Silasy"

**ny tenin'ny Tompo**

Eto ny "teny" dia manambara hoe hafatra. DH: "ilay hafatra momban'ny Tompo"

**Acts 15:36****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Paoly sy i Barnabasy dia nandeha lalana samy hafa.

**hamangy ireo rahalahy**

"hanome fanampiana ireo rahalahy"

**ny tenin'ny Tompo**

Eto ny "teny" dia manambara hoe hafatra. DH: "ilay hafatra momban'ny Tompo"

**hahita hoe manao ahoana izy ireo**

"hahafantatra vaovao momban'azy ireo." Te hahafantatra momba ny toe-javatra misy amin'ireo rahalahy sy ny fomba fitazoman'izy ireo ny fahamarinan'Andriamanitra.

**Panfilia**

Farintany ao amin'i Asia Minora.

**Acts 15:39****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia manondro an'i Barnabasy sy Paoly.

**Avy eo dia nisy fifandirana mafy**

DH: "Nifanohitra tanteraka izy ireo"

**taorian'ny nanomezan'ireo rahalahy azy andraikitra ho an'ny fahasoavan'ny Tompo**

Ny manankina amin'ny olona dia midika hoe mametraka andraikitry amin'ny olona iray na zavatra ho an'ny olona iray hafa. DH: "taorian'ny naneken'ny mpino tao Antiokia an'i Paoly ho an'ny fahasoavan'ny Tompo" na "taorin'ny fivavahan'ireo mpino tany Antiokia an'ny Tompo mba hikarakara an'i Paoly sy haneho hatsaram-panahy aminy"

**nandeha namakivaky an'i Syria sy i Kilikia**

Ireo dia faritany na faritra any Azia Minora, akaikin'ny nosy Sipra.

**nampatanjaka ireo fiangonana**

Ny famporisihana ny mpino ao am-piangonana dia ny filazana fa i Paoly sy Silasy dia nampahery arabatana ireo mpino. Ny teny hoe "fiangonana" dia manondro ireo vondrona mpino ao Syria sy Silisia. DH: "mamporisika ireo mpino ao amin'ireo fiangonana" na "manampy ny fiaraha-monin'ny mpino hankina bebe kokoa amin'i Jesosy"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Tonga tany Derbe sy Lystra ihany koa Paoly, ary indro, teo ilay mpianatra iray antsoina hoe Timoty, zanaka lahin'ny vehivavy Jiosy izay nino; Grika ny rainy. <sup>2</sup> Izy dia tsara laza tamin'ireo rahalahiny izay tany Lystra ary Ikonioma. <sup>3</sup> Tian' i Paoly hiara-dia aminy izy; dia nalainy izy ary noforany noho ireo Jiosy izay teo amin'ireo toerana ireo, satria fantatr'izy rehetra fa Grika ny rainy. <sup>4</sup> Raha nandeha namakivaky ireo tanàna maro izy ireo, dia nanolotra toromarika ho an'ireo mpino mba hankato ny fampianarana, izay nosoratan'ny Apostoly sy ny loholona tao Jerosalema. <sup>5</sup> Ka niha-natanjaka tamin'ny finoana ny fiangonana ary nitombo isa isan'andro. <sup>6</sup> Nandeha namakivaky ny faritry ny Frygia sy Galatia Paoly sy ny namany, satria noraran' ny Fanahy Masina izy ireo hanambara ny teny any amin'ny faritr'i Asia. <sup>7</sup> Rehefa niditra nanakaiky an' i Mysia, dia te-handeha ho any Bitynia izy ireo, nefa nosakanan' ny Fanahin'i Jesosy izy ireo. <sup>8</sup> Ka nandalo tamin'i Mysia, dia nandeha nidina tany amin'ny tanàna an'i Troasy izy ireo. <sup>9</sup> Nahita fahitana i Paoly tamin'ny alina: lehilahy iray Makedoniana nitsangana teo, niantso azy ary niteny hoe: "Avia aty Makedonia ary vonjeo izahay." <sup>10</sup> Rehefa avy nahita ny fahitana i Paoly, dia niainga hihazo an' i Makedonia avy hatrany izahay, nahatsapa fa Andriamanitra no niantso anay mba hitory ny filazantsara amin' izy ireo. <sup>11</sup> Niantsambo noho izany avy any Troasy, dia nizotra mahitsy ho any Samatrakia izahay, ary nihazo an'i Neapolia izahay ny andro manaraka. <sup>12</sup> Avy teo dia nandeha nankany Filipy izahay, izay isan'ny tanàna Makedonia, izay tanàna manan-danja indrindra ao amin'ny faritra sy ny zana-tany Romanina, ary nijanona tao amin'izany tanàna izany nandritry ny andro maro izahay. <sup>13</sup> Tamin'ny andron'ny Sabata dia nandeha tany ivelan'ny vavahady akaikin'ny renirano izahay, izay noeritreretinay fa misy toeram-pivavahana. Nipetraka izahay ary niresaka tamin'ireo vehivavy izay niara-tonga teo. <sup>14</sup> Nisy vehivavy iray atao hoe Lydia, mpivaro-damba volomparasy avy any amin'ny tanànan' i Tyatira, izay nanompo an'Andriamanitra, nihaino anay. Nanokatra ny fony ny Tompo hitandrina ny teny izay nolazain' i Paoly. <sup>15</sup> Rehefa vita batisa izy sy ny ankohonany, dia namporisika anay izy, niteny hoe: "Raha nitsara ahy ho mahatoky amin'ny Tompo ianareo, dia midira ary mitoera ao an-trano." Ary nandresy lahatra anay izy. <sup>16</sup> Ary tamin'izany, raha nandeha nankany amin' ny toeram-pivavahana izahay, dia nisy zatovovavy iray izay manana fanahin'ny sikidy nifanena taminay. Nitondra tombony maro ho an'ny tompony tamin'ny alalan'ny sikidy izy. <sup>17</sup> Nanaraka anay sy Paoly avy ao aoriana io vehivavy io ary niantso mafy, nanao hoe: "Ireo lehilahy ireo dia mpanompon' Andriamanitra Avo Indrindra. Manambara aminareo ny lalam-pamonjena izy ireo." <sup>18</sup> Nanao izany nandritry ny andro maro izy. Fa i Paoly dia nanomboka sosotra taminy ka nitodika ary niteny tamin' ny fanahy hoe: "Mandidy anao amin' ny anaran'i Jesosy Kristy aho mba hivoaka ao aminy." Ary nivoaka avy hatrany izany. <sup>19</sup> Rehefa hitan'ireo tompony fa lasa ilay fanantenana ny amin'ny tombony ho azy ireo, dia nosamborin' izy ireo i Paoly sy Silasy ary notaritiny izy ireo ho any an-tsena teo anoloan'ireo manam-pahefana. <sup>20</sup> Rehefa nitondra azy ireo teo anoloan'ireo mpitsara izy ireo, dia niteny hoe: "Manakorontana ny tanànantsika ireto lehilahy ireto. Jiosy izy ireo. <sup>21</sup> Manambara fomba izay tsy ara-dalàna ho an'ny Romanina ny manaiky na mampihatra azy izy ireo." <sup>22</sup> Dia nitsangana ny vahoaka nanohitra an' i Paoly sy Silasy; nanala ny lamban'izy ireo ny mpitsara ary nandidy azy ireo mba ho kapohina amin'ny hazo. <sup>23</sup> Rehefa nokapohin'ireo mafy izy ireo, dia nalefan'izy ireo any an-tranomaizina ary nandidy ny mpiandry tranomaizina mba hiambina mafy azy ireo. <sup>24</sup> Rehefa naharay izany didy izany ny mpiambina, dia nalefany tany amin'ny farany lalina indrindra amin'ny fonja izy ireo ary nofatorany teo amin'ny hazo ny tongotr'izy ireo. <sup>25</sup> Nanodidina ny misasak'alina dia nivavaka i Paoly sy Silasy ary nihira fiderana an'Andriamanitra, ary ireo gadra hafa dia nihaino azy ireo. <sup>26</sup> Tampoka teo dia nisy horohorontany lehibe, ka nampihozongozona ny fototry ny fonja; ary nisokatra avy hatrany ny varavarana rehetra, ary nivaha ny fatoran'ny olona rehetra. <sup>27</sup> Taitra tamin'ny torimasao ny mpiandry ny tranomaizina ary nahita ireo varavarana'ny fonja nivoha; namoaka ny sabany izy ka saika hamono ny tenany, satria noeritreretiny fa nandositra ireo gadra. <sup>28</sup> Fa niantso tamin'ny feo mafy Paoly, nanao hoe: "Aza mandratra ny tenanao, satria ato daholo izahay rehetra." <sup>29</sup> Nampiantso Jiro ilay mpiandry tranomaizina ary niditra haingana tao anatin'ny tora-kovitry noho ny tahotra, nihohoka teo anoloan'i Paoly sy Silasy, <sup>30</sup> ary nitondra azy ireo nivoaka sy niteny hoe: "Tompoko, inona no tsy maintsy hataoko mba ho voavonjy?" <sup>31</sup> Hoy izy ireo hoe: "Minoa an'i Tompo Jesosy, dia ho voavonjy ianao, ianao sy ny ankohonanao." <sup>32</sup> Nitory ny tenin'ny Tompo taminy izy ireo, niaraka tamin'ny olona rehetra tao an-tranony. <sup>33</sup> Avy eo dia nandray azy ireo tamin'ny alina tamin'iny ora iny ihany ilay mpiandry fonja, ary nanasa ny ferin'izy ireo, ary izy sy ireo rehetra tao amin'ny tranony iray manontolo dia natao batisa teo no ho eo. <sup>34</sup> Avy eo dia nentiny niakatra tao an-tranony i Paoly sy Silasy ary nandroso sakafo teo anoloan'izy ireo izy, dia nifaly tokoa izy niaraka tamin'ireo izay tao an-tranony, fa efa nino an'Andriamanitra izy. <sup>35</sup> Ary rehefa maraina ny andro, dia nandefa teny tamin'ireo mpiambina ireo mpitsara, niteny hoe: "Avelao handeha ireo lehilahy ireo." <sup>36</sup>

Nitatitra izany teny izany tamin'i Paoly ilay mpiambina, niteny hoe: "Nampitondra teny tamiko ireo mpitsara mba hamela anareo handeha: noho izany ankehitriny mivoaha, ary mandehana am-piadanana."

<sup>37</sup> Fa niteny tamin' izy ireo Paoly hoe: "Nikapoka anay ampahibemaso tsy nisy fitsarana izy ireo, na dia mizàka ny zom-pirenena Romanina aza izahay\_ ary nalefan'izy ireo tao am-pigadrana. Ankehitriny dia tian'izy ireo ho alefa an-tsokotsoko ve izahay? Tsia! Aoka ny tenan'izy ireo no ho tonga eto sy hitarika anay hivoaka." <sup>38</sup> Nitatitra izany teny izany tamin'ny mpitsara ny mpiambina, ary raha vao nandre izy ireo fa romanina i Paoly sy Silasy, dia natahotra izy ireo. <sup>39</sup> Tonga sy nialatsiny tamin'izy ireo ny mpitsara ary nitondra azy ireo nivoaka, nangataka azy ireo mba hiala ao an-tanàna. <sup>40</sup> Ka niala tao an-tranomaizina i Paoly sy Silasy ary nankao an-tranon'i Lydia. Rehefa nahita ireo rahalahy i Paoly sy Silasy, dia nampahery azy ireo ary avy eo dia niala tao an-tanàna izy ireo.

## Acts 16:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Izany dia manohy ny dian'i Paul niaraka tamin'i Silas.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Nampidirina tao amin'ny tantara i Timoty ary niaraka tamin'i Paul sy i Silasy. Ny andininy 1 sy 2 dia manome fanazavana momba an'i Timoty.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny voalohany, fahatelo, ary fahefatra amin'ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Timoty. Ny "izy" faharoa dia manondro an'i Paoly

### Derbe

Izany no anaran'ny tanàna tany Azia Minora. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 14: 5.

### izay nino

Ny teny hoe "ao amin'i Kristy" dia mazava. DH: "izay nino an'i Kristy"

### Izy dia tsara laza tamin'ireo rahalahiny

DH: ": "Niresaka tsara momba azy ireo rahalahy" na "tsara laza teo amin'ireo rahalahy" i Timoty na "Nolazain'ireo rahalahy ny zavatra tsara momba azy"

### tamin'ireo rahalahy

Eto ny "rahalahy" dia manondro ireo mpino. DH: "tamin'ireo mpino"

### ary noforany

Mety ho i Paoly mihitsy no namora an'i Timoty, nefa mety ho olon-kafa koa no namora an'i Timoty.

### noho ireo Jiosy izay teo amin'ireo toerana ireo

"noho ireo Jiosy monina tao amin'ireo faritra izay nandehanan'i Paoly sy Timoty"

### satria fantatr'izy rehetra fa Grika ny rainy

Koa satria tsy voafara ny zanak'ireo grika, dia ho fantatry ny Jiosy fa i Timoty dia tsy noforana, ary mety ho nolavin'izy ireo i Paoly sy i Timoty talohan'ny nandrenesany ny hafatra momba an'i Kristy.

## Acts 16:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny "izy ireo" eto dia manondro an'i Paoly sy Silasy (15:39) ary i Timoty (16:1).

### nanolotra

"Niteny ireo mpino tao am-piangonana izy ireo"

### ireo mpino mba hankatoa

"ho an'ireo mpikambana ao am-piangonana mba hankatoa" na "ho an'ireo mpino mba hankatoa"

### izay nosoratan'ny Apostoly sy ny loholona tao Jerosalema

DH: "Izay nosoratan'ireo Apostoly sy loholona"

### niha-natanjaka tamin'ny finoana ny fiangonana ary

#### nitombo isa isan'andro

DH: "Nanatanjaka ny finoan'ireo mpino, ary nihamaro hatrany ny olona isan'andro no tonga mba ho mpino "

### ireo fiangonana

eto izany dia manambara ireo mpino tao am-piangonana.

## Acts 16:6

### Frygia

This is a region in Asia. See how you translated this name in 2:8.

### Ny teny

Firenena iray any Azia izany. Jereo ny fomba nandikanao an'io anarana io tamin'ny 2: 8.

### nosakanan' ny Fanahin'i Jesosy izy ireo

DH: "ny Fanahy Masina dia nandrara azy ireo"

### Mysia ... Bitynia

Faritra roa any amin'ny Azia

### ny Fanahin'i Jesosy

"ny Fanahy Masina"

### nandeha nidina tany amin'ny tanàna an'i Troasy izy ireo

Ny fehezanteny hoe "nandeha nidina" dia ampiasaina eto satria i Troasy dia ambany kokoa noho ny an'i Mysia

**Acts 16:9****ampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Indro ny teny hoe "azy" dia manondro an'i Paoly.

**ampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "isika" dia midika hoe Paoly sy ireo mpiara-mitory aminy, anisan'izany i Lioka, mpanoratra ny Asan'ny Apostoly.

**ampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny fampiasana voalohany ny teny "antsika" dia manondro ny olona ao Makedonia. Ny fampiasana faharoa ny teny "antsika" kosa dia manondro an'i Paoly sy ireo namany.

**ampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" dia manondro ireo olona tao Makedonia.

**Nahita fahitana i Paoly**

"Nahita fahitana avy amin'Andriamanitra i Paoly"

**niantso azy**

"nangataka azy" na "nanàsa azy"

**Avia aty Makedonia**

Ny teny hoe "Avia" dia nampiasaina eto satria i Makedonia dia teny ampitan'ny ranomasinin'i Troasy.

**Acts 16:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Paul sy ireo namany dia tany Filipy nanao ny dia amin'ny maha misionera azy ireo. Ny andininy faha-13 dia manomboka ny tantaran'i Lydia. Ity tantara fohy ity dia mitranga mandritra ny dia nataon'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Paoly sy ireo mpiara-mitory aminy, anisan'izany i Lioka, mpanoratra ny Asan'ny Apostoly

**Samatrakia ... Neapolia**

Ireo dia tanàna amoron-tsiraka akaikin'i Filipy any Makedonia.

**ny zana-tany Romanina**

Ity dia tanàna ivelan'i Italia izay nitoeran'ny olona maro avy any Roma. Nanana zo sy fahalalahana mitovy tamin'ny tanàna any Italia izy io. Afaka nifehy ny tenany izy ireo ary tsy voatery nandoa hetra.

**Acts 16:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana ny tantaran'i Lydia.

**Nisy vehivavy iray atao hoe Lydia**

Eto ny "vehivavy iray" dia manolotra olona vaovao ao amin'ilay tantara. DH: "Nisy vehivavy iray nantsoina hoe Lydia"

**mpivaro-damba volomparasy**

DH: "mivarotra lamba miloko volomparasy"

**nanompo an'Andriamanitra**

ny mpanompo an'Andriamanitra dia Jentilisa izay mivavaka sy manaraka an'Andriamanitra fa tsy mankatoka ireo lalàna Jiosy.

**Nanokatra ny fony ny Tompo hitandrina ny teny izay**

Ny Tompo dia nisarika ny sain'ireo olona mba haino ny hafatr'i Paoly toy ny hoe manokatra ny fon'ny olona. DH: "Ny Tompo dia nahatonga azy hahatakatra sy handinika akaiky ireo zavatra ireo"

**Nanokatra ny fony**

Eto ny "fo" dia misolo ny sain'ny olona iray. Ankoatra izany, ny mpanoratra dia miresaka momba ny "fo" na "saina" toy ny hoe boaty iray ahafahan'ny olona misokatra ka vonona ny olona hameno izany.

**Acts 16:16****Fampifandraisana ny foto- kevitra**

Manomboka eto ny tranga voalohany amin'ny tantara fohy manaraka nandritra ny diany an'i Paoly; Izy io dia momban'ilay tanora mpanandro.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto dia tsara ny mampafantatra fa io tanora mpanandro io dia nitondra tombony ara-bola be ho an'ny tompo tamin'ny fanombatombana ny ho avin'ny olona.

**Ary tamin'izany**

Ity fehezanteny ity dia manamarika ny fiandohan'ny ampahany vaovao amin'ny tantara. Raha manana fomba hafa hanezana izany ny fiteninao, dia azonao atao ny mampiasa izany eto.

**zatovovavy iray**

Ny fehezanteny hoe "iray" dia mampiditra olona vaovao ao amin'ilay tantara. DH: "nisy tovovavy"

**fanahin' ny sikidy**

Ny fanahy ratsy dia niresaka taminy matetika momba ny hoavin'ny olona.

**ny lalam-pamonjena**

Ny fomba hamonjena olona iray eto dia toy ny hoe na lalana diavin'ny olona iray. DH: "Ahoana no hamonjen'Andriamanitra anao"

**Fa i Paoly dia nanomboka sosotra taminy ka nitodika**

DH: "Fa nanomboka sorena i Paoly ka nitodika"

**amin' ny anaran'i Jesosy Kristy**

Eto ny "anarana" dia midika fa miteny amin-pahefana na koa toy ny solontenan'i Jesosy Kristy.

**Ary nivoaka avy hatrany izany**  
 "Ary nivoaka avy hatrany ny Fanahy Masina"

### Acts 16:19

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny "izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy Silasy fa tsy Timoty na Lioka.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fampiasana roa voalohany ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo tompon'ilay tovoavavy izay efa voalaza mialoha. Ny fampiasana fahatelo ny teny hoe "izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy Silasy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fampiasan'ireo tomponny ny teny hoe "antsika" dia ahitana ireo fahefana izay notakian' izy ireo satria izy ireo koa dia Romanina.

**ireo tompony**  
 "ireo tompon'ilay vehivavy andevo"

**lasa ny fanantenana ny harenany**  
 Izany dia manondro ny fahaiza-manaon'ilay tovoavavy amin'ny fanaovana sikidy na milaza ny ho avy sy ireo olona mba handoa ny saran'ny faminaniany.

**anoloan'ireo mpitsara**  
 "eo anatrehan'ny manampahefana" na "mba hahafahan'ny manam-pahefana hitsara azy ireo"

### Acts 16:22

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny "izy ireo" na "azy ireo"

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny "izy ireo" dia manondro ireo miaramila.

**nandidy azy ireo mba ho kapohina amin'ny hazo**  
 "nandidy ireo miaramila hikapoka azy ireo amin'ny Hazo"

**nokapohin'ireo mafy izy ireo**  
 "nokapohin'izy ireo imbetsaka tamin'ny rantsan-kazo"

**nandidy ny mpiandry tranomaizina mba hiambina mafy azy ireo**  
 "niteny tamin'ilay mpiandry fonja mba tsy hamela azy ireo hitsoaka"

**nofatorany teo amin'ny hazo ny tongotr'izy ireo**  
 namatotra ny tongon'izy ireo teo amin'ny hazo

### Acts 16:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Ity dia manohy ny tantaran'i Paoly sy Silasy tao amin'ny fonjan'i Filipy ary mitantara izay nanjo ilay mpiandry fonja.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ny teny "izy ireo" dia manondro an'i Paoly sy Silasy.

**ny fototry ny fonja**  
 Rehefa nihozongozona ny fototra dia hihozongozona hatramin'ny fonja manontolo.

### Acts 16:27

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Paoly sy i Silasy ary ireo gadra hafa rehetra afa-tsy ny mpigadra.

**Taitra tamin'ny torimaso ny mpiandry ny tranomaizina**  
 DH: "nifoha ilay mpiandry fonja"

**saika hamono ny tenany**  
 "ka saika hamono ny tenany." Ilay mpiandry fonja dia naniry ny hamono tena toy izay hizaka ny vokatry ny famelana ireo voafonja.

### Acts 16:29

**Nampiantso jiro**  
 Ny antony mahatonga ny mpiambina nitady jiro dia azo atao mazava. DH: "niantso olona hitondra jiro mba hijerena hoe iza no mbola tao am-ponja"

**nihohoka teo anoloan'i Paoly sy Silasy**  
 Nanetri-tena ilay mpiandry fonja ka niankohoka teo amin'ny tongotr'i Paoly sy Silasy.

**nitondra azy ireo nivoaka**  
 "nitondra azy ireo nivoakan'ny fonja"

**inona no tsy maintsy hataoko mba ho voavonjy**  
 DH: "inona no tsy maintsy hataoko ho an'Andriamanitra mba ho voavonjy tamin'ireo otako aho"

**ho voavonjy ianao**  
 DH: "Hamonjy anao Andriamanitra" na "Andriamanitra dia hamonjy anao tamin'ireo otanao"

**ny ankohonanao**  
 DH: "ny fianakavianao"

### Acts 16:32

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Eto ny fampiasana voalohany ny teny hoe "izy ireo" sy ny teny hoe "azy ireo" sy "izy ireo" dia miresaka an'i Paoly sy i Silasy. Ampitahao amin'ny 16:25. Ny

fampiasana farany ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ny olona ao amin'ny tranon'ny mpiambina.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "ny azy", ary "izy" dia manondro ilay mpiambina.

**Nitory ny tenin'ny Tompo taminy izy ireo**

Eto ny "teny" dia midika hoe hafatra. DH: "Nolazain'izy ireo taminy ny hafatra momba an'i Jesosy Tompo"

**izy sy ireo rehetra tao amin'ny tranony iray manontolo dia natao batisa**

DH: "Nataon'i Paoly sy i Silasy Batisa ilay mpiambina ny fonja sy ny ankohonany rehetra"

**Acts 16:35**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no tranga farany ao amin'ny tantaran'i Paoly sy Silasy tany Filipy.

**Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana ny fisarahana ao amin'ny tantara fototra. Eto i Lioka dia milaza ny zava-nitranga farany tao amin'ilay tantara izay nanomboka tamin'ny 16:16.

**nandefa teny tamin'ireo mpiambina**

Ity "teny" eto dia midika hoe "hafatra" na "didy". DH: "nandefa hafatra ho an'ireo mpiambina" na "nandefa baiko ho an'ny mpiambina"

**nandefa teny**

ny "nandefasana" eto dia midika fa ny mpitsara dia nilaza tamin'ny olona iray mba hilaza amin'ireo mpiambina ny hafany.

**Acts 16:37**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

ny teny "izahay" dia manondro an'i Paoly sy Silasy ihany.

**niteny tamin' izy ireo**

DH: "niteny tamin'ilay mpiambina"

**Nikapoka anay ampahibemaso tsy nisy fitsarana izy ireo**

Eto "izy ireo" dia manondro ireo mpitsara izay nandidy ny miaramilany hikapoka azy ireo. DH: "Nandidy ny miaramilany ny mpitsara mba hikapoka anay am-pahibemaso"

**tian'izy ireo ho alefa an-tsokotsoko ve izahay**

Nametraka io fanontaniana io i Paoly mba hanamafisana fa izy dia tsy hanaiky ny fandefasana azy ireo an-tsokosoko hiala ny tanàna taorian'ny nampijaliana azy sy Silasy. DH: "Izaho dia tsy hamela azy ireo handrokantsika an-tsokosoko hiala ny tanàna!"

**Aoka ny tenan'izy ireo no ho tonga**

Eto ny "tenany" dia nampiasaina ho fanamafisana.

**raha vao nandre izy ireo fa romanina i Paoly sy Silasy, dia natahotra**

Ny hoe Romana dia midika fa olom-pirenena aradalàna ao amin'ny Fanjakana. Ny zom-pirenena dia nanome fahafahana amin'ny fampijaliana sy ny zo ho amin'ny fitsarana marina. Natahotra ireo mpitarika tao an-tanàna fa ny manam-pahefana romana lehibe dia mety hahafantatra hoe nanao ahoana ny fampijalian'ny mpitondra tao an'i Paul sy Silasy.

**Acts 16:40**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana ny fotoana nijanonan'i Paoly sy Silasy tao Filipy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" eto dia manondro an'i Paoly sy i Silasy. Ny teny hoe "izy ireo" sasany dia manondro ireo mpino ao Filipy.

**nahita ireo rahalahy**

Ireo "rahalahintsika" dia manondro ny mpino na lahy na vavy. DH: "nahita ireo mpino"

## Chapter 17

<sup>1</sup> Ary rehefa nandalo ireo tanànan'ny Anfipolia sy Apolonia izy ireo, dia tonga tao amin'ny tanànan'i Tesalonika izy ireo, izay nisy Synagogan'ny Jiosy. <sup>2</sup> Paoly, araka ny fomba fanaony dia nankeo amin'izy ireo, ary niady hevitra niaraka tamin'izy ireo avy ao amin'ny Soratra Masina nandritra ny andro Sabata telo. <sup>3</sup> Nosokafany ny Soratra Masina ary nazavainy fa nilain' i Kristy ny nijaly sy hitsangana indray amin'ny maty. Hoy izy hoe: "Io Jesosy izay ambarako aminareo io no Kristy." <sup>4</sup> Resy lahatra ny sasany tamin'ireo Jiosy ary nanaraka an'i Paoly sy Silasy, anisan'izany ireo mpivavaka Grika maro an'isa, ary tsy vitsy ny vehivavy mpitarika. <sup>5</sup> Fa ireo Jiosy tsy mpino nenti-pialonana dia naka ireo olona ratsy fanahy avy any an-tsena, nanangona niaraka ny vahoaka, ary nampitabataba ny tanàna. Nanafika ny tranon'i Jasona, te hitondra an'i Paoly sy Silasy hiala ny vahoaka izy ireo. <sup>6</sup> Fa rehefa tsy hitany izy ireo, dia notarihan'izy ireo i Jasona sy ny rahalahy hafa sasany ho eo anoloan'ny manam-pahefanan'ny tanàna, nitomany, "Ireto lehilahy izay nampitsimbadika izao tontolo izao ireto dia tonga eto ihany koa. <sup>7</sup> Ireto lehilahy izay nampandrosoan'i Jasona ireto dia manohitra ny didin'i Kaisara; miteny izy ireo fa misy mpanjaka hafa-dia i Jesosy." <sup>8</sup> Voaelingelina ny vahoaka sy ny manam-pahefana teo amin'ny tanàna rehefa nahare izany zavatra izany. <sup>9</sup> Fa rehefa avy eo ny manam-pahefana nampanao sy nampandao vola an'i Jasona sy ny ambiny mba ho antoka, avy eo izy ireo namela azy ireo handeha izy ireo. <sup>10</sup> Nalefan'ireo rahalahy tany Beria ny alin'iny i Paoly sy Silasy. Rehefa tonga tany izy ireo, dia niditra tao amin'ny synagoga'ny Jiosy. <sup>11</sup> Ary ireo olona ireo dia mihaja kokoa noho ireo any Tesalonika, fa nandray ny teny tamim-pahavononan'ny saina rehetra izy ireo, nandinika ny Soratra Masina isan'andro mba hahita raha tena izany tokoa ireny zavatra ireny. <sup>12</sup> Noho izany dia maro tamin'izy ireo no nino, tao anatin'izany ny vehivavy Grika manankaja sasany sy lehilahy maro. <sup>13</sup> Fa ireo Jiosin'ny Tesalonika rehefa nahare fa i Paoly dia nanambara ny tenin'Andriamanitra tao Beria ihany koa, dia nandeha teny izy ireo ary nampitabataba sy nampikorontana ireo vahoaka. <sup>14</sup> Ary avy hatrany, ireo rahalahy nandefa an'i Paoly ho any an-dranomasina, fa i Silasy sy i Timoty nijanona teo. <sup>15</sup> Ireo izay nitarika an'i Paoly nitondra azy hatrany amin'ny tanànan'i Atena. Raha namela an'i Paoly teo izy ireo, dia nandray torolàlana avy aminy ho an'ny Silasy sy Timoty mba hankany aminy haingana araka izay azo atao. <sup>16</sup> Ary raha niandry azy ireo tany Atena i paoly, dia tonga tezitra tao anatin'ny fanahiny raha vao nahita ny tanàna feno sampy. <sup>17</sup> Ka niady hevitra tao amin'ny synagoga niaraka tamin'ireo Jiosy sy ireo hafa izay nanompo an'Andriamanitra izy, tahaka izany koa ny tao amin'ny toeran'ny raharaham-barotra niaraka tamin'ireo izy teo. <sup>18</sup> Fa ny sasany tamin'ireo filozofa Epikoreana sy Stoika ihany koa nifanena taminy. Ny sasany nilaza hoe: "Inona no tian'io be resaka io ho lazaina?" Ny hafa nilaza hoe: "Toa ohatran' ilay iray izay miantso ny olona hanaraka ireo andriamanitra hafahafa izy," satria nitory an'i Jesosy sy ny fitsanganana amin'ny maty izy. <sup>19</sup> Naka an'i Paoly izy ireo ary nitondra azy tao amin'ny Areopago, niteny hoe: "Afaka mamantatra izany fampianarana vaovao izay noteneninao izany ve izahay? <sup>20</sup> Fa mitondra zavatra hafahafa tsy fahenon'ny sofinao ianao. Noho izany, te hahafantatra ny dikan'izany zavatra izany izahay." <sup>21</sup> (Ary ny Atenina rehetra sy ny vahiny nipetraka dia nandany ny fotoanany tamin'ny tsy nisy fa ihany koa tamin'ny filazana na fihainoana momban'ny zava-baovao.) <sup>22</sup> Ka nitsangana teo afovoan'ny Areopago i Paoly ary niteny hoe: "Ianareo lehilahin'i Ateniana, hitako fa tena religiozy amin'ny fomba rehetra ianareo. <sup>23</sup> Fa raha nandalo aho ary nandinika ny tanjon'ny fomba fanompoam-pivavahanareo, dia nahita alitara aho misy ity soratra ity hoe: "Ho an'Andriamanitra Tsy Fantatra. "Inona noho izany no hivavahanareo ao amin'ny tsy fahafantarana, izany no lazaiko aminareo. <sup>24</sup> Ny Andriamanitra izay nanao izao tontolo izao sy ny zava-drehetra eo aminy, satria Tompon'ny lanitra sy ny tany Izy, tsy mipetraka ao anaty tempoly voaorina tamin'ny tanana. <sup>25</sup> Na izy tsy notompoina tamin'ny tanan'olona, toy ny nila zavatra izy, satria izy tenany no manome fiainana ny olona sy ny fofon'aina ary ny zavatra hafa rehetra. <sup>26</sup> Avy amin'ny olona iray no nanaovany ny firenena rehetra ho an'ny olona mba haina eo ambonin'ny tany, namaritra ny vanim-potoan'izy ireo sy nanendry ny toera-ponenana ary ny andro iainan'ireo, <sup>27</sup> ka mba tokony hitady an'Andriamanitra izy ireo, raha toa ka mety hahatratra sy hahita Azy izy ireo. Kanefa mbola tsy lavitra antsika tsirairay avy Izy. <sup>28</sup> Satria isika dia mivelona sy mihetsika ary manana ny maha-izy antsika, tahaka ny notenenin'ny iray amin'ny mpanao tononkalonareo manokana hoe: "Fa taranany ihany koa isika." <sup>29</sup> Noho izany, satria zanak'Andriamanitra isika, isika dia tsy tokony hieritreritra fa ny hatsaran'ny fombany dia mitovy amin'ny volamena, na volafotsy, na sary-vongana izay noforonina avy amin'ny asa tànana sy aingam-panahin'olombelona. <sup>30</sup> Noho izany dia nohadinon'Andriamanitra ny fotoan'ny tsy fahalalana, fa ankehitriny mandidy ny olona rehetra eny rehetra eny mba hibe-baka izy. <sup>31</sup> Izany no izy satria nametraka andro izy hoe rahoviana no hitsara an'izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny olona izay nofidiany. Nanome porofon'io lehilahy io tamin'ny olona tsirairay tamin'ny alalan'ny fananganana azy tamin'ny maty Andriamanitra. <sup>32</sup> Ary rehefa nahare ny fitsanganana amin'ny maty ny olon'i Atena, dia nanesa an'i Paoly ny sasany; fa ny sasany nilaza



hoe: "Hihaino anao indray momba izany zavatra izany izahay." <sup>33</sup> Taorian'izay, nandao azy ireo i Paoly. <sup>34</sup> Fa ny sasany tamin'ny olona nanaraka azy ary nino, tao anatin'izany i Dionysio Aeropagita, vehivavy antsoina hoe Damary, ary ny sasany niaraka tamin'izy ireo.

## Acts 17:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Izany dia manohy ny tantaran'ny dia misionera nataon'i Paul, Silas ary i Timothy. Tonga tany Tesalonika izy ireo ary tsy niaraka tamin'i Lioka, satria nilaza izy hoe "izy ireo" fa tsy "isika".

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "izy ireo" eto dia manondro an'i Paoly sy Silasy. Ampitahao amin'ny tao amin'ny 16:40. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy tao amin'ny synagoga tao Tesalonika.

### tanànan'ny Anfipolia sy Apolonia

Ireo dia tanàna amoron-dranomasina any Makedonia.

### araka ny fomba fanaony

"tahaka ny mahazatra azy" na "araka ny fomba nentim-paharazana azy". Matetika i Paoly dia nandeha tany amin'ny synagoga tamin'ny Sabata rehefa manatrika ao ireo Jiosy.

### nitady hevitra niaraka tamin'izy ireo avy ao amin'ny Soratra Masina

Nohazavain'i Paoly ny dikan'ny soratra masina mba hanaporofoana amin'ireo Jiosy fa i Jesosy no Mesia.

## Acts 17:3

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly.

### Nosokafany ny Soratra Masina

Ireo mety ho dikany 1) mba hanazavana ny soratra masina amin'ny fomba tsotra mba ahazoan'ny olona azy, toy ny hoe manokatra zavatra iray i Paoly mba hahafahan'ny olona mahita ny ao anatin'ny 2) nanokatra ara-bakiteny ny boky na horonana ary namaky azy io i Paoly.

### fa nilain' i Kristy

"Anisan'ny drafitr'Andriamanitra izany"

### ireo mpivavaka Grika

Midika izany fa ireo izay manompo an'Andriamanitra nefa tsy niova fo tamin'ny Jodaisma tamin'ny alalan'ny famorana.

## Acts 17:5

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy tsy mpino sy ratsy fanahy avy any an-tsena.

### nenti-pialonana

Ny fahatsapana fialonana dia raisina toy ny hoe ny fialonana dia manentana na manetsika ny olona.

DH: "mahatsiaro tena ho saro-piaro" na "tena tezitra"

### naka ny olona ratsy fanahy

Eto ny "naka" dia tsy midika fa nalain'ireo Jiosy ankery ireo olona ireo. Midika izany fa nandresy lahatra ireo lehilahy ratsy fanahy ireo ny Jiosy mba hanampy azy ireo.

### avy any an-tsena

"avy eny an-kianja malalaka." Izany dia toeram-piasana ho an'ny be sy ny maro, toerana hividianana sy fivarotana ny entana, ny omby, na ny serivisy.

### nampitabataba ny tanàna

Eto ny "tanàna" dia manambara ireo olona tao an-tanàna. DH: "nahatonga ny mponina tao an-tanàna ho sahiran-tsaina" na "nahatonga ny mponina tao an-tanàna hikomy"

### Nanafika ny trano

Midika izany fa ny vahoaka dia mety nitoraka vato ilay trano ary nanandrana namaky ny varavaran'ilay trano.

### Jasona

Io no anaran'ilay lehilahy.

### ny rahalahy hafa sasany

Eto ny "rahalahy" dia manondro ireo mpino. DH: "ireo mpino sasany"

### anolohan'ny manam-pahefanan'ny tanàna

"teo anatrehan'ny ireo manam-pahefana"

### Ireto lehilahy izay

Ireo mpitarika jiosy dia niresaka, ary ny fehezanteny hoe "Ireo lehilahy ireo", dia milaza an'i Paoly sy i Silasy.

### nampitsimbadika izao tontolo izao

Ity fehezanteny ity dia fomba iray hafa hilazana fa i Paoly sy Silasy no nahatonga olona tamin'ireo toerana rehetra nalehany. Ireo mpitarika jiosy dia nanitatra ny hery nananan'i Paoly sy Silasy tamin'ny fampianarany. DH: "niteraka fahasahiranana na aiza na aiza teto amin'izao tontolo izao" na "niteraka olona na aiza na aiza nalehany"

### nampandrosoan'i Jasona

Io fehezanteny io dia milaza fa i Jasona dia nifanaraka tamin'ilay hafatra mampikorontan'ireo apostoly.

**Acts 17:8****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo manampahefana tao an-tanàna.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro an'i Jason sy ireo mpino hafa izay nentin'izy ireo nitondra ny manampahefana tao an-tanàna.

**rehefa avy eo ny manam-pahefana nampanao sy nampandao vola an'i Jasona sy ny ambiny mba ho antoka,**

Io vola io dia fampanantenana amin'ny fitondran-tena tsara; vola izay mety ho averina raha toa ka mandeha tsara ny zava-drehetra na mety hampiasaina hanamboarana ny fahasimbana vokatra ny fitondran-tena ratsy. DH: "nahazo fifamatorana" na "nahazo vola"

**ny ambiny**

Ny teny hoe "ny ambiny" dia manondro ireo mpino hafa izay nentin'ireo jiosy teo anoloan'ny manampahefana.

**Acts 17:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nankany Beria i Paoly sy i Silasy.

**rahalahy**

Ny teny hoe "rahalahy" eto dia manondro ireo mpino lahy sy vavy. DH: "ireo mpino"

**ireo olona ireo dia mihaja kokoa**

DH: "misokatra kokoa" na "vonona kokoa hihaino"

**nandray ny teny**

Eto ny "teny" dia manambara ny fampianarana. DH: "nihaino ny fampianarana"

**tamim-pahavononan'ny saina rehetra**

Ireo Berianina ireo dia vonona ny handinika tsara ny fampianaran'i Paoly momba ny soratra masina.

**nandinika ny Soratra Masina isan'andro**

"mamaky sy mamakafaka tsara ny soratra masina isan'andro"

**raha tena izany tokoa ireny zavatra ireny**

"raha marina tokoa ireo zavatra nolazain' i Paoly"

**Acts 17:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Atena dia nidina ny morontsiraka avy any Barea any Makedonia. Anisan'ny tanàna manan-danja indrindra any Gresy i Atena.

**nandeha teny izy ireo ary nampitabataba sy nampikorontana**

DH: "nandeha tany ary nanakorontana" na "nandeha tany ary nanelingelina"

**rahalahy**

ny teny "rahalahy" eto dia manondro ireo mpino lehilahy aman-behivavy. DH: "Mpino"

**ho any an-dranomasina**

"mankany amin'ny morontsiraka." Avy eto i Paoly dia mety hiatsambo any amin'ny tanàna hafa.

**izay nitarika an'i Paoly**

"izay nanaraka an'i Paoly"

**Acts 17:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia ampahany hafa amin'ny tantaran'i Paoly sy i Silasy. Paoly dia izay niandry an'i Silasy sy Timoty hiaraka aminy tany Atena.

**tonga tezitra tao anatiny ny fanahiny raha vao nahita ny tanàna feno sampy**

Eto ny "fanahy" dia manambara an'i Paoly tenany ihany. DH: "nalahelo izy satria hitany fa misy sampy eny rehetra eny tao an-tanàna" na "kivy izy nahita ny sampy eny rehetra eny tao an-tanàna"

**izay nanompo an'Andriamanitra**

Izany dia manondro ireo Jentilisa izay midera an'Andriamanitra ary manaraka Azy saingy tsy mankatò ny lalàna jiosy rehetra.

**Acts 17:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Paoly.

**filozofa Epikoreana sy Stoika**

Ireo olona ireo dia nino fa ny zava-drehetra dia noforonina vintana ary ireo andriamanitra dia sahirana loatra satria sanganehana amin'ny fitondrana an'izao tontolo izao. Nolavin'izy ireo ny fitsanganana amin'ny maty ary naniry fahafinaretana tsotra fotsiny.

**Filozofa Stoika**

Ireo olona ireo dia nino fa ny fahafahana dia avy amin'ny fandavana ny anjara. Nolavin'izy ireo ilay Andriamanitra be fitiavana sy ny fitsanganana amin'ny maty.

**Ny sasany nilaza**

"Ny sasany nilaza tamin'ireo filozofa koa nilaza"

**Inona no tian'io be resaka io ho lazaina?**

DH: "Inona ity olona tsy nahita fianarana ity"

**ireo andriamanitra hafa**

izany tsy midika hoe "hafahafa" fa kosa hoe "vahiny", ireo andriamanitra izay tsy nivavahan'ireo Grika sy Romana na fantatr'izy ireo.

**Acts 17:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo" sy "izahay" dia manondro ireo filozofa Epikoreana sy Stoika.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy" sy "anao" dia manondro an'i Paoly

**Naka an'i Paoly izy ireo ary nitondra**

Tsy midika izany hoe nosamboriny i Paoly. Nanasa an'i Paoly hiresaka am-panajana tamin'ireo mpitarika azy ireo.

**tao amin'ny Areopago**

I "Areopago" no toerana niarahan'ireo mpitarika. DH: "tamin'ireo mpitarika nihaona tao Areopago"

**'ny Areopago niteny hoe**

Eto ireo mpitarika ao amin'ny Areopago dia niresaka. DH: "ny Areopago. Ireo mpitarika dia nilaza tamin'i Paoly hoe"

**Areopago**

Io dia vato malaza na havoanan'i Atena izay mety nihaonan'ny fitsarana tampony tao Atena

**Fa mitondra zavatra hafahafa tsy fahenon'ny sofinay ianao**

Ny fampianaran'i Paoly momba an'i Jesosy sy ny fitsanganana amin'ny maty dia lazaina ho zavatra iray azon'ny olona iray entina amin'ny olona hafa. Ao ny "sofina" manondro ny zavatra henony. DH: "Ny fampianaranao zavatra tsy mbola henontsika talohan'izay

**Ary ny Atenina rehetra sy ny vahiny nipetraka dia nandany ny fotoanany tamin'ny tsy nisy fa ihany koa tamin'ny filazana na fihainoana momban'ny zava-baovao.** Ity teny ity dia nampiasaina eto mba hanamarihana ny fitsarahana ao amin'ny tantara fototra. Eto i Lioka dia mitantara fanazavana momba ny olona niaina tany Atena sy ny fahalianany amin'ny fampianarana vaovao.

**ny Atenina rehetra**

Ny "Atenianina" dia olona avy any Atena, tanàna akaikin'ny morontsiraka ambanivan'i Makedonia (Gresy ankehitriny).

**filazana na fihainoana momban'ny zava-baovao**

"miresaka hevitra filozofika vaovao" na "miresaka momba izay zavatra vaovao ho azy ireo"

**Acts 17:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Nanomboka ny lahateniny tamin'ireo filozofa tao amin'ny Areopago i Paoly.

**tena relijiozy amin'ny fomba rehetra**

Eto i Paoly dia manondro ny fahitan'ny vahoaka Ateniana ny fanomezam-boninahitra ireo andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka, na manangana alitara, ary manolotra ireo fanatitra.

**Fa raha nandalo aho**

"Satria nandalo fotsiny aho" na "nandehandeha"

**Acts 17:24****izao tontolo izao**

Amin'ny ankapobeny ny "izao tontolo izao" dia manondro ny lanitra sy ny tany ary ny zava-drehetra ao aminy.

**satria Tompo**

"satria izy no Tompo." Eto ny "izy" dia miresaka momba ilay andriamanitra tsy fantatra anarana voalaza ao amin'ny 17:22 izay hazavain'i Paoly fa izy no Tompo Andriamanitra.

**Tompon'ny lanitra sy ny tany Izy**

Ny teny hoe "lanitra" sy "tany" dia ampiasaina miaraka mba midika hoe zavona sy zavatra rehetra any an-danitra sy ety an-tany.

**Na izy tsy notompoana tamin'ny tanan'olona**

Ny "fanompoana" eto dia manana ny hevitra ny dokotera manasitrana marary iray mba hahasalama tsara ilay marary. DH: "Na ny tanan'ny olona aza tsy mikarakara azy"

**tamin'ny tanan'olona**

Eto ny "tanana" dia manambara ny olona iray manontolo. DH: "Tamin'ny olombelona"

**satria izy tenany**

"satria izy tenany mihitsy." Ny teny hoe "tenany" dia manampy amin'ny fanamafisana.

**Acts 17:26****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy" dia manondro an' Andriamanitra tokana, ilay mpamorona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "azy ireo" sy "izy ireo" dia manondro ny firenena rehetra monina eto ambonin'ny tany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ny fampiasana ny teny hoe "antsika," dia ahitana ny tenan' i Paoly, ny mpihaino azy ary ny firenena rehetra.

**olona iray**

Izany dia midika hoe Adama, ilay olona voalohany noforonin'Andriamanitra. Izany dia azo lazaina ho ahitana an'i Eva. Tamin'ny alalan'i Adama sy Eva no namoronan'Andriamanitra ny olon-drehetra. DH: "mpivady iray"

**namaritra ny vanim-potoan'izy ireo sy nanendry ny toera-ponenana ary ny andro iainan'ireo**

Azo atao ho fehezan-teny vaovao izany. DH: "Ary nifidy fotoana sy toerana hipetrahana izy"

**tokony hitady an'Andriamanitra izy ireo, raha toa ka mety hahatratra sy hahita Azy izy ireo**

Ny faniriana hianatra momba an'Andriamanitra sy ny fifandraisany aminy dia lazaina toy ny hoe olona mijery olona iray hafa ara-bakiteny ary miezaka ny hanantona azy. DH: "tokony hianatra momba Azy izy ireo mba hahafahan'izy ireo hahatakatra fa mila Azy izy ireo ary lasa ho isan'ny vahoakany"

**tsy lavitra antsika tsirairay avy Izy**

DH: "Izy dia tena akaiky antsika tsirairay avy"

**Acts 17:28****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "azy" sy "ny azy" dia manondro an'Andriamanitra. (jereo: 17:24)

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Rehefa milaza i Paoly hoe "isika" eto diavaoray ao ihany koa ny tenany sy ireo mpihaino azy.

**noforonina avy amin'ny asa tànana sy aingam-panahin'olombelona**

"izay ampiasain'ny olona iray ny fahaizany mba hahatonga izany ho zavatra iray izay novolavolainy" na "natao tamin'ny zavakanto sy ny eritreritry ny olombelona"

**Acts 17:30****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny lahateniny tamin'ireo filozofa tao Areopago i Paul, izay nanomboka tamin'ny 17:22.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Izy" dia manondro an'Andriamanitra.

**Noho izany**

Io teny io dia manamarika fanambarana iray izay lazaina noho ny voalaza teo aloha.

**nohadinon'Andriamanitra ny fotoan'ny tsy fahalalana**

"Andriamanitra dia tsy nanasazy ireo olona nandritran'ny fotoan'ny tsy fahalalana"

**fotoan'ny tsy fahalalan**

Izany dia manondro ny fotoana talohan'ny nanambaràn'Andriamanitra tanteraka tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy ary talohan'ny nahalalan'ny olona ny fomba ankatoavan'Andriamanitra.

**rahoviana no hitsara an'izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny olona izay nofidiany**  
"Raha ny olona nofidiny no hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana"

**hitsara an'izao tontolo izao**

Eto ny teny "izao tontolo izao" dia manondro ny olona. DH: "hitsara ny olona rehetra"

**Nanome porofon'io lehilahy io tamin'ny olona tsirairay tamin'ny alalan'ny fananganana azy tamin'ny maty Andriamanitra.**

"Andriamanitra dia efa nampiseho an'ny olombelona ny safidiny.

**Acts 17:32****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no faran'ny ampahany amin'ilay tantara momba an'i Paoly ao Atena.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro ny lehilahy ao Atena. Niresaka mivantana tamin'i Paoly izy ireo saingy tsy tao anatin'ny vondron'izy ireo izy. Angamba izy ireo dia hentitra fotsiny raha toa ka te hihaino an'i Paoly indray ny sasany

**Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana ny fisarahana ao amin'ny tantara fototra. Eto i Lioka dia miala amin'ny fampianaran'i Paoly ho any amin'ny fihetsik'ireo mponin'i Atena.

**ny olon'i Atena**

Ireo no vahoaka tonga tao Areopago izay nihaino an'i Paoly.

**naneso an'i Paoly ny sasany**

"ny sasany naneso an'i Paoly" na "ny sasany nihomehy an'i Paoly." Tsy nino ireo fa afaka miverina miaina indray ny olona rehefa avy maty.

**i Dionysio Aeropagita**

Dionysio dia anaran-dehilahy. Ny Aeropagita dia midika fa i Dionysio dia iray amin'ireo mpitsara tao amin'ny filankevitra ao Areopago

**Damary**

Izany no anaran'ilay vehivavy.



## Chapter 18

<sup>1</sup> Ary tao aorian'ireo zavatra ireo Paoly dia niala tao Atena ary nankany Korinto. <sup>2</sup> Nihaona tamina Jiosy nantsoina hoe Akoila tao izy, tera-tany Ponto, izay vao tonga avy tany Italia niaraka tamin'i Prisila vadiny, satria i Klaudio nandidy ny Jiosy rehetra hiala tao Roma. Paoly nankeo amin'izy ireo, <sup>3</sup> ary satria varotra mitovy ihany no hiasany, dia niara-nipetraka tamin'izy ireo izy ary niasa, fa ny manao lay no asan'izy ireo. <sup>4</sup> Ka niady hevitra tao amin'ny synagoga isaky ny Sabata i Paoly. Nandresy lahatra ireo Jiosy sy Grika izy. <sup>5</sup> Fa rehefa nidina avy tany Makedonia i Silasy sy Timoty, dia noteren'ny Fanahy hanambara amin'ireo Jiosy fa Jesosy no Kristy i Paoly. <sup>6</sup> Rehefa nanohitra sy nanesoeso azy ireo Jiosy, dia nanofaofa ny lambany tany amin'izy ireo i Paoly ka nanao hoe: "Ho eo amin'ny lohanareo anie ny ranareo; tsy manan-tsiny aho. Fa manomboka izao dia ho any amin'ny Jentilisa aho." <sup>7</sup> Dia niala teo izy avy eo ary nandeha nankany an-tranon'i Titosy Josto, lehilahy izay manompo an'Andriamanitra. Ny tranony dia akaikin'ny synagoga. <sup>8</sup> Krispo, mpitarika ny synagoga, nino ny Tompo, niaraka tamin'ireo rehetra izay nipetraka tao amin'ny tranony; ary maro tamin'ireo Korintiana izay nandre momba izany no nino sy natao batisa. <sup>9</sup> Ny Tompo niteny tamin'i Paoly tamin'ny fahitana ny alina hoe: "Aza matahotra, ary aza mangina fa mitenena." <sup>10</sup> Fa Izaho momba anao, ary tsy hisy olona hahazo hanao ratsy anao, fa manana olona maro amin'ity tanàna ity Aho." <sup>11</sup> Nitoetra tao herintaona sy enim-bolana i Paoly ary nampianatra ny tenin'Andriamanitra teo amin'izy ireo. <sup>12</sup> Fa rehefa lasa governoran'ny Akaia i Galio, dia niara-nitsangana ireo Jiosy nanohitra an'i Paoly ka nitondra azy teo anatrehan'ny toeram-pitsarana; <sup>13</sup> niteny izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia mandresy lahatra ny vahoaka mba hanompo an'Andriamanitra izay mifanohitra amin'ny lalàna." <sup>14</sup> Ary raha handeha hiteny Paoly, dia niteny tamin'ny Jiosy i Galio hoe: "Ianareo Jiosy, raha toa ka resaka zava-dratsy na heloka izany, dia mbola azo eritreretina ny fifampiraharana aminareo." <sup>15</sup> Fa hatrizay nisian'ireo fanontaniana momba ireo teny sy anarana ary lalanareo manokana ireo, alaminonareo izany. Izaho tsy maniry ny ho mpitsara izany raharaha izany." <sup>16</sup> Galio nanala azy ireo hiala teo amin'ny sezam-pitsarana. <sup>17</sup> Ka nisambotra an'i Sostena izy rehetra, ny mpanapaka ny synagoga, ary nikapoka azy teo anoloan'ny toeram-pitsarana. Fa Galio tsy niraharaha izay nataon'izy ireo. <sup>18</sup> Paoly, rehefa avy nipetraka tao nandritry ny andro maromaro kokoa, dia namela ireo rahalahy ka niondrana an-tsambo ho any Syria niaraka tamin'i Prisila sy Akolia. Talohan'ny niaingany teo amin'ny seranan-tsambo dia nohetezany tao Kenkrea ny volony noho ilay voady izay nataony. <sup>19</sup> Rehefa tonga tany Efesosy izy ireo, dia navelan'i Paoly teo i Prisila sy Akoila, fa izy tenany niditra tao amin'ny synagoga ka niady hevitra tamin'ireo Jiosy. <sup>20</sup> Rehefa nangataka an'i Paoly mba hijanona elaela izy ireo, dia nandà izy. <sup>21</sup> Fa nandao azy ireo izy, niteny hoe: "Mbola hiverina aty aho raha sitrapon'Andriamanitra izany." Dia niondrana an-tsambo niala tao Efesosy izy avy eo. <sup>22</sup> Rehefa niantsona tao Kaisaria i Paoly, dia niakatra izy ka niarahaba ny fiangonan'ny Jerosalema ary nidina nankany Antioky avy eo. <sup>23</sup> Rehefa avy nitoetra ora maromaro tao izy, dia niainga i Paoly ka nitety ireo faritr'i Galatia sy Frygia ary nankahery ny mpianatra rehetra. <sup>24</sup> Ary nisy Jiosy anankiray nantsoina hoe Apolosy, teraka tany Aleksandria, tonga tao Efesosy. Izy dia nahay nandaha-teny sady nahalala tsara ny Soratra Masina. <sup>25</sup> Apolosy dia nampianarina tamin'ny fampianaran'ny Tompo. Mahafatra-po amin'ny fanahy, izy niteny sy nampianatra marina ireo zavatra mahakasika an'i Jesosy, kanefa ny batisan'i Jaona ihany no fantany. <sup>26</sup> Apolosy nanomboka niteny am-pasahiana tao amin'ny synagoga. Fa rehefa naheno azy i Prisila sy Akoila, dia naka azy ho eny amin'ny sisiny ary nanazava taminy marina kokoa ny lalan'Andriamanitra. <sup>27</sup> Rehefa naniry mba hamakivaky an'i Akaia izy, dia nampahery azy ireo rahalahy ary nanoratra ho an'ireo mpianatra tao Akaia mba handray azy. Rehefa tonga izy, dia nanampy betsaka ireo izay nino tamin'ny fahasavana. <sup>28</sup> Apolosy nanohitra mafy ireo Jiosy tamin'ny ady hevitra ampahibemaso, nampiseho tamin'ny alalan'ny Soratra Masina fa Jesosy no Kristy.

### Acts 18:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity dia ampahany amin'ny tantara momba ny dia nataon'i Paoly fony izy nankany Korinto.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Nampidirina ao anatin'ny tantara'i Akoila sy Prisila ary ny andininy faha 2 sy 3 dia manome fampahalalana fototra momba azy ireo.

#### Ary tao aorian'ireo zavatra ireo

"Taorian'ireny zava-nitranga nitranga tany Atena ireny"

#### Atena

Anisan'ny tanàna manan-danja indrindra any Gresy i Atena. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 17:13.

**Nihaona tamina**

Ireo mety azo handikana azy 1) i Paoly dia nahita tsy nahy na 2) Nahita tampoka.

**Jiosy nantsoina hoe Akoila**

Eto ny teny hoe "iray" dia mampiditra olona vaovao ao amin'ny tantara.

**tera-tany Ponto**

Ponto dia faritany atsimon'ny Ranomasina Mainty.

**izay vao tonga**

Mety ho tamin'ny herintaona angamba izany.

**Italia**

Izany no anaran'ny tany. Roma no renivohitr'i Italia.

**i Klaodio nandidy**

Klaodio no mpanjaka romanina tamin'io vanim-potoana io. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 11:27.

**Acts 18:4****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

I Silasy sy Timoty dia namonjy an'i Paoly.

**niady hevitra tao amin'ny synagoga isaky ny Sabata i Paoly**

"Niady hevitra i Paoly". Nanome antony izy. Midika izany fa tsy niresaka fotsiny i Paoly, fa niresaka sy nifampiresaka tamin'ireo olona.

**Nandresy lahatra ireo Jiosy sy Grika izy**

Ireo azo handikana azy 1) "Izy no nahatonga ireo Jiosy sy Grika mba hino" na 2) "Izy dia nahanohy nandresy lahatra ireo Jiosy sy Grika."

**noteren'ny Fanahy hanambara amin'ireo Jiosy fa Jesosy no Kristy i Paoly**

DH: "noteran'ny Fanahy i Paoly"

**nanofaofa ny lambany**

Izany dia fihetsika hampisehoana fa tsy hiezaka ny hampianatra ireo jiosy momban'i Jesosy intsony i Paoly. Navelany ho amin'ny fitsaran'Andriamanitra izy ireo.

**Ho eo amin'ny lohanareo anie ny rànareo**

Eto ny "rà" dia manambara fahamelohana tamin'ireo zavatra nataon'izy ireo. Eto ny "loha" dia manondro ny olona rehetra. Nolazain'i Paoly tamin'ireo Jiosy fa tompon'andraikitra amin'ny fitsarana izay hiatrehany ny hatezerany izy ireo raha tsy mibebaka. DH: "Ianao irery no tompon'andraikitra amin'ny famaizana ny fahotana"

**Acts 18:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny voalohany hoe "azy" dia manondro an'i Titosys Josto. Ny teny faharoa hoe "azy" dia manondro an'i Krispo.

**manompo an'Andriamanitra**

Ny mpivavaka amin'Andriamanitra dia Jentilisa izay mankalaza an'Andriamanitra ary manaraka azy saingy tsy voatery hankatò ny lalàna jiosy rehetra.

**mpitarika ny synagoga,**

Olona izay manohana sy mitantana ny synagoga, tsy voatery ho mpampianatra.

**rehetra izay nipetraka tao amin'ny tranony**

Eto ny trano" dia manondro ireo olona. DH: "ireo olona izay nipetraka niaraka taminy tao an-tranony"

**Acts 18:9****Aza matahotra, ary aza mangina fa mitenena**

Ny Tompo dia nanome didy tamin'ny fomba roa samy hafa mba hanamafisana fa i Paoly dia tokony hanohy ny fitoriana. DH: "Ianareo dia tsy tokony hataotra , fa mitenena ary aza mangina"

**ary aza mangina**

DH: "Ary aza mitsahatra amin'ny fitoriana ny filazantsara"

**manana olona maro amin'ity tanàna ity Aho**

"maro ireo olona tao an-tanàna izay nametraka ny finoany Taminy" na "olona maro teto amin'ity tanàna ity no nametraka ny finoany Tamiko"

**Paoly nitoetra tao herintaona sy enim-bolana, nampianatra ny tenin'Andriamanitra teo amin'izy ireo.**

Ity no mamarana ny fanambarana amin'ity ampahan'ny tantara ity.

**Acts 18:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ireo Jiosy tsy mpino dia nitondra an'i Paoly ho tsaraina to anatrehan'i Galio.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

I Akaia dia faritany izay nisy an'ny Korinty. Io tanàna ngeza any amin'ny atsimon'i Grika sy ny renivohitra ilay farintany.

**Galio**

Izany no anaran'ilay lehilahy

**ireo Jiosy**

Izany dia manondro ireo mpitarika Jiosy izay tsy nino an'i Jesosy.

**nitondra azy teo anatrehan'ny toeram-pitsarana**

Naka an-kery an'i Paoly ireo Jiosy mba ho entina eo anatrehan'ny fitsarana. Ny "toeram-pitsarana" eto dia ny toerana izay nipetrahan'i Galilio rehefa fanapahan-kevitra tao amin'ny fitsarana. DH:

"niara-nitsangana ireo Jiosy hanohitra an'i Paoly ka nitondra azy teo anatrehan'ny toeram-pitsarana

### Acts 18:14

#### **lalànareo manokana**

Eto ny "lalàna " dia manondro ilay lalàn i Mosesy ary indrindra ireo fomba Jiosy tamin'ny andron'i Paoly.

**Izaho tsy maniry ny ho mpitsara izany raharaha izany.**  
"izaho dia tsy hitsara momban'ireo raharaha ireo"

### Acts 18:16

#### **Galio nanala azy ireo hiala teo amin'ny sezam-pitsarana**

Eto ny "sezam-pitsarana" dia manondro ilay seza fipetrahana'i Galilio handraisany fanapaha-kevitra tao amin'ny fitsarana.

#### **nisambotra**

DH: "olona maro no nisambotra" na "maro tamin'izy ireo no nisambotra"

#### **Ka nisambotra an'i Sostena izy rehetra, ny mpanapaka ny synagoga, ary nikapoka azy teo anoloan'ny toeram-pitsarana**

Ireo azo handikana azy: "nikapoka ampahibe-maso an'i Sostena teo ampitsarana ireo Jentilisa satria izy no mpitarika izy dia mpitarika Jiosy" na "Azo hinoana ihany koa fa i Sostena dia mino an'i Kristy, ka ireo Jiosy dia nikapoka azy teo amin'ny fitsaran.,

#### **Sostena**

I "sostena" dia Jiosy izay mpanapaka tao amin'ny Synagogue tao Korinto.

### Acts 18:18

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity dia manohy ny tantaran'ny dia missionera nataon'i Paoly sy Akila ary Timoty. Izany dia toa manambara fa i Silasy sy Timoty dia nitoetra satria izy dia miteny izy hoe "izy"

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Kenkrea dia seranan-tsambo izay ao amin'ny faritr'i Korinto.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly.

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny teny "izy ireo" eto dia manondro an'i Paoly, Prisila ary Akila.

#### **namela ireo rahalahy**

DH: "nandao ireo namana mpino"

### Acts 18:20

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy tao Efesosy.

#### **nandao azy ireo izy**

"nanao beloma azy ireo"

### Acts 18:22

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy ny dia misionera i Paoly.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Frygia dia farintany iray ao Asia izay Tiorika ankehitriny.

#### **niantsona tao Kaisaria**

"tonga tao Kaisaria."

#### **niakatra izy**

Izy dia nitety ny tanànan'i Jerosalema. Ny teny "niakatra " teto dia nampiasaina satria i Kaisaria dia avo toerana kokoa raha ampitahaina amin'ny Kaisaria.

#### **niarahaba ny fiangonan'ny Jerosalema**

Eto ny "fiangonana" dia manondro ireo mpino tao jerosalema.

### Acts 18:24

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto i Lioka dia mitantara izay notranga tao Efesosy niaraka tamin'i Prisila sy Akila.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Miditra ao anatin'ny tantara i Apolosy. Ny andiny faha-25 dia fampahafantarana fototra momba azy.

#### **teraka tany Aleksandria**

"Lehilahy teraka tany Aleksandria." Aleksandria tao Egipta any amin'ny sisiny avatr'i Afrika.

#### **sady nahalala tsara ny Soratra Masina**

Izy koa dia nahazo tsara izay voasoratra tao amin'ny Testamenta Taloha.

#### **Apolosy dia nampianarina tamin'ny fampianaran'ny Tompo**

DH: "I Apolosy dia nampianarin'ireo mpino hafa ny fomba itiavan'i Jesosy hianan'ny olona"

#### **batisan'i Jaona**

"ny Batisa izay nataon'i Jaona." Izany dia fampitahana ny Batisan'i Jaona amin'ny rano sy ny Batisan'i Jesosy izay amin'ny Fanahy Masina.

#### **ny lalan'Andriamanitra**

Ny fomba tian'Andriamanitra hiainan'ny olona eto dia resahana toy ny hoe lalana izay handehanan'ny olona.

### Acts 18:27

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Apolosy.



**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

I Akaia dia faritany Romanina iray any amin'ny faritra atsimon'i Gresy.

**mba hamakivaky an'i Akaia**

"ho any amin'ny faritr'i Akaia."

**rahalahy**

Ny teny "rahalahy" eto dia manondro ireo mpino lahy sy vavy. DH: "namana mpino tao Efesosy"

**nanoratra ho an'ireo mpianatra**

"nanoratra taratasy ho an'ireo Kristianina tao Akaria"

**ireo izay nino tamin'ny fahasoavana**

" ireo izay nino ny famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana" na "ireo izay nino an'i Jesosy tamin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra"

## Chapter 19

<sup>1</sup> Ary raha mbola tany Korinty i Apolosy, dia nandalo tamin'ny firenena ambony i Paoly ary tonga tao amin'ny tanànan'ny Efesosy, ary nahita mpianatra sasany tao. <sup>2</sup> Hoy Paoly tamin'izy ireo hoe: "Nahazo ny Fanahy Masina ve ianareo rehefa nino?" Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsia, mbola tsy nandre momba ny Fanahy Masina akory izahay." <sup>3</sup> Paoly niteny hoe: "Tao amin'ny inona ary izany no nanaovana batisa anareo?" Namaly izy ireo hoe: "Tao amin'ny batisan'i Jaona." <sup>4</sup> Ka namaly Paoly hoe: "Jaona manao batisa amin'ny batisan'ny fibebahana. Niteny tamin'ny vahoaka izy fa tokony hino ilay iray izay ho tonga aoriany izy ireo, izany dia, ao amin'i Jesosy." <sup>5</sup> Rehefa naheno izany ny olona, dia natao batisa tamin'ny anaran'ny Tompo Jesosy izy ireo. <sup>6</sup> Avy eo rehefa nametraka ny tanany tamin'izy ireo i Paoly, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina ary niteny tamin'ny fiteny hafa sy naminany izy ireo. <sup>7</sup> Teo amin'ny roa ambin'ny folo teo ho eo izy rehetra. <sup>8</sup> Niditra tao amin'ny sinagoga i Paoly ary niteny am-pahasahiana nandritry ny telo volana, nandresy lahatra sy nampanaiky azy ireo ny momba ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>9</sup> Fa rehefa mafy fo sy tsy nankàto ireo Jiosy sasany, dia nanomboka niteny ratsy ny Lalana teo anoloan'ny vahoaka izy ireo. Ka nilaozan'i Paoly izy ireo ary nentiny ireo mpianatra, nandresy lahatra azy ireo isan'andro tao amin'ny efitrano fampianaran'ny Tiraniana. <sup>10</sup> Nitohy nandritry ny roa taona izany, ka izay rehetra nipetraka tao Asia dia nandre ny tenin'ny Tompo, ary ireo Jiosy sy ireo Grika. <sup>11</sup> Andriamanitra nanao asa mahagaga tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly, <sup>12</sup> ka na dia ireo mosoara sy aron'akanjo izay nikasika azy aza dia natao tamin'ny marary ka sitrana ny aretin'izy ireo ary nivoaka avy tao amin'izy ireo ireo fanahy ratsy. <sup>13</sup> Fa nisy Jiosy mpanala fanahy ratsy nandeha teny an-toerana. Niantso ny anaran'ny Tompo Jesosy izy ireo mba hananan'izy ireo hery hanoherana ny fanahy ratsy rehefa niteny izy ireo hoe: "Amin'ny alalan'i Jesosy izay nambaran'i Paoly, mandidy anao aho mba hivoaka." <sup>14</sup> Ny mpisoronabe Jiosy mitondra ny anarany hoe Skeva ary nanan-janaka fito lahy no nanao izany. <sup>15</sup> Nisy fanahy ratsy namaly azy ireo hoe: "Fantatro Jesosy, ary fantatro Paoly; fa iza ianareo?" <sup>16</sup> Ny fanahy ratsy tao amin'ilay lehilahy dia niantsampy tamin'ireo mpanala devoly ary nitsoaka tao amin'ilay trano nitanjaka sy naratra. <sup>17</sup> Lasa fantatry ny rehetra izany, sy ireo Jiosy sy ireo Jentilisa, izay nipetraka tany Efesosy. Lasa natahotra mafy izy ireo, ka ny anaran'ny Tompo Jesosy dia nomem-boninahitra. <sup>18</sup> Ary koa, maro tamin'ireo mpino no nanatona sy nibebaka ary niaiky ireo zavatra ratsy izay vitan'izy ireo. <sup>19</sup> Maro ireo nilalao ody no niara-nitondra ny bokin'izy ireo sy nandoro izany teo imason'ny tsirairay. Rehefa nanisa ny tombam-bidin'ireny izy ireo, dia farantsa volafotsy dimy alina izany. <sup>20</sup> Ka niely fatratra tamin'ny fomba matanjaka ny tenin'ny Tompo. <sup>21</sup> Ary rehefa nahavita ny asa fanompoany tany Efesosy i Paoly, dia nanapa-kevitra tamin'ny fanahy izy mba handalo an'i Makedonia sy Akaia teny an-dalany mankany Jerosalema, hoy izy: "Rehefa avy any aho, dia tsy maintsy mankany Roma ihany koa." <sup>22</sup> Paoly nandefa roa tamin'ireo mpanampy azy ho any Makedonia, i Timoty sy Erasto, izay nanampy azy. Fa izy tenany nijanona fotoana fohy tany Asia. <sup>23</sup> Tamin'izany fotoana izany tany Efesosy dia nisy fanelingelenana lehibe mikasika ny Làlana. <sup>24</sup> Fa nisy mpanefy volafotsy iray antsoina hoe Demetrio, izay nanao ny sary sikotra volafotsin'i Diana, nampiditra vola be ho an'ireo mpanao asa-tànana. <sup>25</sup> Ka nangoniny niaraka ireo lehilahy miandraikitra an'io asa io ary niteny hoe: "Tompoko, fantatrao fa amin'ity raharaha ity dia mahazo vola be izahay. <sup>26</sup> Hitanao sy renao izany, tsy tany Efesisosy ihany, fa saika manerana an'i Asia iray manontolo, io Paoly io dia nandresy lahatra sy nahataona olona maro. Milaza izy fa tsy misy andriamanitra vita tamin'ny tànana. <sup>27</sup> Fa ny loza dia tsy hoe ny varotsika ihany no tsy ho ilaina intsony, fa ny tempolin'ny andriamanim-bavy lehibe Diana ihany koa dia azo heverina ho tsy misy dikany. Dia mety ho very voninahitra izy avy eo, izy izay tompoin'ny Asia rehetra sy izao tontolo izao." <sup>28</sup> Rehefa nandre izany izy ireo, dia feno hatezerana izy ireo ka nihiaka mafy, nanao hoe: "Lehibe i Diana an'i Efesiosy." <sup>29</sup> Feno fifanjevona tao amin'ny tanàna iray manontolo, ary niara-nifanaretsaka ho ao amin'ny trano fanaovana fampisehoana an-tsehatra ny vahoaka. Voasambotr'izy ireo ireo mpiara-dia tamin'i Paoly, Gaio sy Aristarko, izay avy any Makedonia. <sup>30</sup> Te hiditra tao amin'ireo vahoaka maro i Paoly, fa nosakanan'ireo mpianatra izy. <sup>31</sup> Ary ihany koa, ny sasany tamin'ireo manam-pahefana tao amin'ny faritr'i Asia izay namany dia nandefa hafatra nangataka azy mafy tsy hiditra ao amin'ny trano fanaovana fampisehoana an-tsehatra. <sup>32</sup> Olona sasan-tsasany no nihiaka zavatra iray, ary ny an'ny sasany hafa, satria tao anaty fifanjevoana ny vahoaka. Ny ankamaroan'izy ireo aza tsy mahafantatra akory hoe nahoana izy ireo no niara-tonga. <sup>33</sup> Ny sasany tamin'ireo vahoaka no nampahafantatra an'i Aleksandra, izay natosik'ireo vahoaka ho eny aloha, ka nanao fhetsika tamin'ny tanany i Aleksandra, te hanome fanazavana ho an'ireo izay nivory. <sup>34</sup> Fa rehefa nahafantatra izy ireo fa Jiosy izy, dia nihiaka mafy tamin'ny feo iray izy rehetra teo ho eo amin'ny ora roa, nanao hoe: "Lehibe ny Artemisin'ny Efesiana." <sup>35</sup> Rehefa nampangiana ny vahoaka ny lehiben'ny tanàna, dia niteny izy hoe: "Ianao olon'ny Efesiosy, olona iza no teo ka tsy nahafantatra fa ny tanànan'ny Efesiana dia mpiambina ny

tempolin'ny Diana lehibe sy ny sary izay nilatsaka avy any an-danitra? <sup>36</sup> Ary hita avy eo fa tsy azo lavina ireo zavatra ireo, dia tokony hangina ianareo ka tsy hanao na inona na inona tsy am-piheverana. <sup>37</sup> Fa nentinareo ety amin'ny fitsarana ireo lehilahy ireo izay sady tsy mpandroba tempoly no tsy mpiteny ratsy ny andriamanim-bavintsika. <sup>38</sup> Noho izany, raha manana fiampangana manohitra ny tsirairay i Demetrio sy ireo mpanao asa tanana izay miaraka aminy, dia misokatra ireo fitsarana ary misy solontena ao. Avelao izy ireo hifampiampanga. <sup>39</sup> Fa raha mitady zavatra momba ny olana hafa ianareo, dia tokony ho hatsangana amin'ny fivoariana ara-dalàna izany. <sup>40</sup> Fa indrindra isika dia tandindomin-doza ho voampanga mikasika an'io andron'ny tabataba io. Tsy misy antony izany fikorontanana izany, ary tsy ho afaka hanazava izany isika." <sup>41</sup> Rehefa niteny izany izy, dia noravainy ny fivoriana.

## Acts 19:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nandeha tany Efesosy i Paoly

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny "firenena ambony" dia faritra iray any amin'i Azia izay Torkia amin'izao fotoana izao any avaratr'i Efesosy. Tsy maintsy nandeha tany amin'ny faritra manodidina ny Ranomasina Egana i Paoly mba hahatongavana any Efesosy (any Torkia koa ankehitriny) izay any atsinanan'i Korinto amin'ny ranomasina.

**Ary raha mbola**  
Ity fehezan-teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana ny fiandohan'ny ampahany vaovao amin'ny tantara. Raha manana fomba hanaovana an'izany ny fiteninao, dia azonao atao ny mampiasa izany eto.

## Acts 19:3

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny "izy ireo" sy "ianareo" eto dia manondro ireo mpianatra sasany tao amin'ny tanànan'i Efesosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "izy" dia manondro an'i Jaona

**Tao amin'ny inona ary izany no nanaovana batisa anareo?"**  
DH: "Batisa toy ny ahoana no noraisinao?"

**Tamin'ny batisan'i Jaona**  
DH: "Nahazo ny karazana batisa izay nampianarin'i Jaona izahay"

**'ny batisan'ny fibebahan**  
DH: "ilay batisa nangatahin'ny olona rehefa te hibebaka"

**ilay iray izay ho tonga**  
Eto ny "ilay iray" dia manondro an'i Jesosy.

**ho tonga aoriany**  
Izany dia midika fa hoavy aorian'i Jaona Mpanao Batisa.

## Acts 19:5

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nijanona nipetraka tao Efesosy i Paoly.

**ny olona**  
Eto "ny olona" dia manondro ireo mpianatra tao Efesosy izay niresaka tamin'i Paoly.

**tamin'ny anaran'ny Tompo Jesosy**  
DH: "amin'ny maha mpino azy ireo ao amin'i Jesosy Tompo"

**nametraka ny tanany tamin'izy ireo**  
"nametraka ny tanany tamin'izy ireo." Mety nametraka ny tanany teo ambonin'ny sorony na loha izy. DH: "nametraka ny tanany teo ambonin'ny loha izy nivavaka iny"

**niteny tamin'ny fiteny hafa sy naminany izy ireo**  
Eto dia tsy toy ny tao amin'ny 2: 1, satria tsy misy antsipiriany momban'ny hoe iza no nahatakatra ny hafatr'izy ireo.

## Acts 19:8

**Niditra tao amin'ny sinagoga i Paoly ary niteny ampahasahiana nandritry ny telo volana**  
"Nanatrika tsy tapaka ny fivorian'ny sinagoga nandritra ny telo volana i Paoly ary niresaka tamim-pahasahiana"

**momba ny fanjakan'Andriamanitra**  
Eto ny "fanjakana" dia manondro ny didin'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "momba ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy" na "momba ny fomba hanehoan'Andriamanitra ny tenany amin'ny maha mpanjaka Azy"

**mafy fo sy tsy nankàto ireo Jiosy sasany**  
DHT: "ireo Jiosy sasany dia mafy fo ary tsy nino" na "ireo Jiosy sasany dia nandà tsy handray sy hankatò ny hafatra"

**niteny ratsy ny Lalana teo anoloan'ny vahoaka izy ireo**  
Izay tian'i Kristy hinoan'ny olona dia toy ny lalana iray izay andehanan'ny olona iray. Ny teny "ny lalana," no fiantsoana ny Kristianisma tamin'izany fotoana izany. DH: "hiteny ratsy ny kristianisma"

amin'ny vahoaka" na "hiteny ratsy amin'ny vahoaka momba an'i Kristy sy ireo zavatra nampianarin'ny momba an'Andriamanitra"

**tao amin'ny efitrano fampianaran'ny Tirania**  
"tao amin'ny efitra lehibe izay nampianarin'i Tirania na olona"

**Tirania**

Izany no anaran'ilay lehilahy

**izay rehetra nipetraka tao Asia dia nandre**  
Ireo azo handikana azy 1) Nitory ny filazantsara tamin'ny olona maro tany Azia manontolo i Paoly na 2) Ny hafatr'i Paoly dia tonga nanerana an'i Azia manontolo, avy tany Efesosy tamin'ny alalain'ireo Efesianina torak'izany koa ireo olona nitsidika an'i Efesosy ary avy tany Azia manontolo.

**ny tenin'ny Tompo**

DHY: "ny hafatra mahakasika ny Tompo"

### Acts 19:11

**Fampahafantarana amin'ny anakapobeny**  
Ireto ny teny hoe "azy ireo" sy "izy ireo" dia manondro ireo izay marary.

**Andriamanitra nanao asa mahagaga tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly**

Eto ny "tanana" dia mijoro ho an'ny olona iray manontolo. DH: "Andriamanitra dia nahatonga an'i Paoly hanao fahagagana" na "Andriamanitra nanao fahagagana tamin'ny alalan'i Paoly"

### Acts 19:13

**Fampahafantarana amin'ny anakapobeny**  
Ity dia fiantombohana tranga iray izay niseho raha mbola tao Efesosy i Paoly. Mahakasika ireo Jiosy mpanala ny fanahy ratsy izany.

**Niantso ny anaran'ny Tompo Jesosy izy ireo mba hananan'izy ireo hery**

Na dia izany aza dia tsy nino an'i Jesosy izy ireo fa nampiasain'izy ireo tamin'ny tamin'ny fanaovana ody ny anarany.

**anaran'ny Tompo Jesosy**

Ny "anarana" eto dia manambara ny herin'i Jesosy sy ny fahefany.

**'Amin'ny alalan'i Jesosy izay nambaran'i Paoly**  
'Ny ananrana "Jesosy" dia maro nonitondra azy tamin'izany fotoana izany ka ireo mpanala fanahy ratsy dia te hampafantatra ireo olona izay resahin'izy ireo.

**Amin'ny alalan'i Jesosy**

Io dia manondro ny hery sy fahefan'i Jesosy. DH: ""amin'ny alalan'ny fahefan'i Jesosy" na "amin'ny herin' i Jesosy."

**Ny mpisoronabe Jiosy mitondra ny anarany hoe Skeva ary nanan-janaka fito lahy no nanao izany.**

Izany dia fampahafantarana fototra mahakasika an'ireo mpanala fanahy ratsy.

**Skeva**

Io no anaran'ilay lehilahy.

### Acts 19:15

**fa iza ianareo?**

ilay fanahy dia nametraka io fanontaniana io mba hanamafisana fa ireo mpanala fanahy ratsy dia tsy manana fahefana ambony noho ireo fanahy ratsy. DH: "fa tsy fantatro ianareo!" na "fa ianareo dia tsy manana fahefana amboniko!"

**Ny fanahy ratsy tao amin'ilay lehilahy dia niantsampy tamin'ireo mpanala devoly**

Izany dia manambara fa ilay fanahy ratsy no nahatonga ilay lehilahy izay mifehy azy hiantsampy teny amin'ilay mpanala devoly.

**mpanala devoly**

Io no fiantsoana ireo olona izay manala ireo fanahy ratsy ao anatin'ny olona na toerana.

### Acts 19:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana ny tantaran'ireo Jiosy.

**nitondra ny bokin'izy ireo**

"Nanangona ny bokin'izy ireo." Ny teny hoe "boky" dia manondro horonam-taratasy izay nanoratana ireo raikipohy sy fiantsoana ny any ankoatra.

**farantsa volafotsy**

Ny "volafotsy iray" dia ny karama sahaza ho an'ny mpiasa iray ao anatin'ny iray andro.

**Ka niely fatratra tamin'ny fomba matanjaka ny tenin'ny Tompo.**

"Noho ireo asa mafy ireo dia nihamaro hatrany ny olona nandre ilay hafatra momba an'i Jesosy Tompo"

### Acts 19:21

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia miresaka momba ny fandehanana any Jerosalema saingy tsy mbola niala tao Efesosy akory.

**Ary**

Ity teny ity dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana ao amin'ny tantara fototra. Nanomboka nanambara ampahany vaovao amin'ny tantara i Lioka.

**nahavita ny asa fanompoany tany Efesiosy i Paoly**

"Nahavita ny asa nanendren'Andriamanitra azy tany Efesosy i Paoly"

**nanapa-kevitra tamin'ny fanahy**

Ireo azo handikana azy 1) Paoly dia nanapa-kevitra taorian'ny fanampian'ny Fanahy Masina na 2) Paoly dia nanapa-kevitra tao an-tsainy, izay midika fa nanamboatra ny sainy izy.

**Akaia**

I Akaia no faritany Romanina tany Korinto. Io no tanàna lehibe indrindra tany atsimon'i Gresy sy renivohitry ny faritany. Jereo ny fomba nandikanao izany tao amin'ny 18:12.

**Erasto**

Izany no anaran'ilay lehilahy.

**izy tenany**

Naverina izany ho fanamafisana.

**Acts 19:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Lioka dia nitantara momba ny rotaka iray izay nipoaka rehefa tany Efesosy i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Efesosy dia nanana tempoly lehibe natokana ho an'i Diana, andriamanibavy, izay adika hoe "Artemisy" amin'ny teny grika indraindray. Diana dia andriamanibavin'ny fahavokarana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Demetrio dia nampidirina ao amin'ny tantara. Ny andininy faha-24 dia mampahafantatra mazava ny momba an'i Demetrio.

**nisy fanelingelenana lehibe**

"lasa nalahelo be ireo olona"

**ny lalana**

Izany dia teny ampiasaina hanondroana ny Kristianisma. Jereo ny nandikanao ity lohateny ity tamin'ny 9: 1.

**antsoina hoe Demetrio**

Izany no anaran'ny lehilahy iray. Demetrio dia mpanefy volafotsy tany Efesosy izay nanohitra an'i Paoly sy ny fiangonana teo an-toerana.

**Acts 19:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Demetrio dia anohy niresaka tamin'ilay mpanao asa tanana.

**Hitanao sy renao izany**

"Nanjary nahalala sy nahatakatra ianao fa"

**nampiova olona maro**

Ny fampijanonan'i Paoly ireo olona hiala amin'ny fanompoam-tsampy dia toy ny hoe i Paoly dia nanova ara-bakiteny ny vahoaka tamin'ny fomba samihafa. DH: "nahatonga olona maro tsy hivavaka amin'ireo andriamanitra eo an-toerana"

**Milaza izy fa tsy misy andriamanitra vita tamin'ny tanàna**

Eto ny teny hoe "tanana" dia afaka manondro ny olona rehetra. DH: Milaza izy fa tsy misy andriamanitra vita tamin'ny tanànan'ny olona" na "Lazainy fa ny sampy izay ataon'ny olona dia tsy tena andriamanitra "

**ny varotsika ihany no tsy ho ilaina intsony**

DH: "fa tsy te hividy sampy intsony ny vahoaka"

**ny tempolin'ny andriamanim-bavy lehibe Diana ihany koa dia azo heverina ho tsy misy dikany.**

DH: "hihevitra ny vahoaka fa tsy mahasoa ny mandeha any amin'ny tempoly hanompo ilay andriamani-bavy lehibe Diana"

**mety ho very voninahitra izy avy eo**

Ny maha lehibe an'i Diana dia avy amin'ny eritreretin'ny olona momba azy fotsiny ihany.

**izy izay tompoin'ny Asia rehetra sy izao tontolo izao**

Izany dia fanitarana mba hampisehoana fa tena nalaza ilay andriamanibavy Diana. Eto ny teny hoe "Azia" sy "izao tontolo izao" dia manondro ireo olona avy any Azia sy ny tontolo sasany. DH: "izay notompon'ny olona maro tany Azia sy any amin'ny faritra hafa amin'izao tontolo izao"

**Acts 19:28****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpanao asa tanana izay nanao ireo sampy (19:23). Ny teny faharoa hoe "izy ireo" dia manondro ireo olona izay nivory mba hihaino ireo mpanao asa tanana izay niteny mafy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Tonga avy tany Makedonia i Gaio sy Aristarko saingy niara-niasa tamin'i Paoly tany Efesosy tamin'izany fotoana izany.

**feno hatezerana izy ireo**

Izany dia miresaka momba ireo mpanao asa tanana toy ireny hoe fitahirizana ireny. Eto ny "fahatezerana" dia lazaina toy ny hoe zavatra mameno ilay fitahirizana azy. DH: "dia nihatezitra mafy izy ireo"

**Feno fifanjevona tao amin'ny tanàna iray manontolo**

DH: "Dia niorohoro ny vahoaka eran'ny tanàna ary nanomboka nihiaka"

**Gaio sy Aristarko**

Izany no anaran'ireo lehilahy.

**Acts 19:30****Fampahafantarana amin'ny**

Efesosy dia anisan'ny fanjakana romanina sy tany amin'ny faritany Azia.

**hiditra ao amin'ny trano fanaovana fampisehoana antsehatra**

Ny efitranton'i Efesosy dia nampiasaina ho toerana fivorian'ny besinimaro ary ho fialamboly toy ny tantara sy mozika.

### Acts 19:33

**nanao fihetsika tamin'ny tanany i Aleksandra, te hanome fanazavana**

Azonao atao ny manazava fa niezaka ny nampangina ireo vahoaka i Aleksandra. DH: "nanao fihetsika tamin'ireo mpanatrika mba hangina ka hahafahany manazava"

**hanome fanazavana**

Te hiteny izy, kanefa tsy mazava tsara izay holazainy.

### Acts 19:35

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny mpitan-tsoratr'i Efesosy dia niteny mba hampangina ny vahoaka.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "ianareo" dia manondro ny lehilahy rehetra izay avy any Efesosy.

**Ianao olon'ny Efesosy, olona iza no teo ka tsy nahafantatra fa ny tanànan'ny Efesiana dia mpiambina ny tempolin'ny Diana lehibe sy ny sary izay nilatsaka avy any an-danitra?**

Nametraka ity fanontaniana ity ilay mpitan-tsoratra mba hanomezana toky ireo vahoaka izay marina sy hampionona azy ireo. DH: "Fantatry ny olona rehetra fa ny tanànan'ny Efesiana dia mpiambina ny tempoly ... lanitra."

**iza no teo ka tsy nahafantatra**

Ny mpitan-tsoratr'ny tanàna dia mampiasa "tsy" mba hanamafisana fa efa fantatr'izy rehetra izany.

**mpiambina ny tempoly**

Nanohy ny fiambeanana ny tempolin'i Diana ny vahoaka Efesiana.

**hita avy eo fa tsy azo lavina ireo zavatra ireo**

"Nanomboka hatramin'ny nahafantaranareo ireo zavatra ireo"

**hanao na inona na inona tsy am-piheverana**

"Aza manao zavatra raha mbola tsy nanam-potoana hieritreretana izany mialoha"

**lehilahy ireo**

Ny teny "ireo lehilahy ireo" dia manondro an' Gaio sy Aristarko

### Acts 19:38

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny resany tamin'ny vahoaka ny mpitan-tsoratra tao an-tanàna.

**manana fiampangana manohitra ny tsirairay**

DH: "Te hitory olona"

**solontena**

"ireo solontena" dia manondro ireo mpisolotena ny fanjakana Romanina izay mandray fanapahan-kevitra ara-dàlana ao amin'ny fitsarana.

**Avelao izy ireo hifampiampanga**

Io dia tsy midika fa i Demetrio sy ireo niaraka taminy dia ifampitory fa io dia toerana izay natao hiresahan'ny olona ny fiampangan'izy ireo amin'ny ankapobeny. DH: "Afaka mifampitory ny olona tao"

**Fa raha mitady zavatra momba ny olana hafa ianareo**

"Fa raha manana zavatra hafa ho resahina ianareo"

**tandindomin-doza ho voampanga mikasika an'io andron'ny tabataba io**

DH: "tandindomin-doza amin'ny fiampangan'ny fahefana Romanina antsika amin'ny andron'ny tabataba"

## Chapter 20

<sup>1</sup> Rehefa tapitra ny tabataba, namory ireo mpianatra i Paoly ary nampahery azy ireo avy eo, nanao veloma izy ary lasa mba handeha ho any Makedonia. <sup>2</sup> Rehefa nandeha teny amin'ireo faritra ireo izy sy nanao teny fankaherezana maro azy ireo, dia tonga tany Gresia izy. <sup>3</sup> Rehefa avy nijanona telo volana tao izy, nisy teti-dratsy noforonin'ireo Jiosy hanoherana azy raha izy handeha hiantsambo ho any Syria iny, ka nanapa-kevitra ny hiverina ho any Makedonia izy. <sup>4</sup> Nanaraka azy hatrany Asia lavitra any i Sopatera zanaka lahin'i Pyro avy any Beria; Aristarko sy Sekondo, samy avy amin'ireo mpino Tesalonika; Gayo avy any Derbe; Tymoty, ary Tykiko sy Trofimo avy any Asia. <sup>5</sup> Fa ireo lehilahy ireo efa nialoha anay ary niandry anay tany Troasy. <sup>6</sup> Niondrana an-tsambo niala tao Filipy izahay taorian'ny andro fihinanana mofo tsy masira, ary tao anatin'ny dimy andro dia tonga tany amin'izy ireo tany Troasy izahay. Ary nitoetra tao izahay nandritra ny fito andro. <sup>7</sup> Tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, rehefa niangona niaraka mba hanapaka ny mofo izahay, dia niresaka tamin'ireo mpino i Paoly. Izy dia nikasa handeha ny ampitson'iny, ka tsy nanohy niresaka hatramin'ny sasakalina izy. <sup>8</sup> Nisy jiro maro tao amin'ny efitra ambony izay nahatongavanay niaraka. <sup>9</sup> Teo amin'ny varavarankely no nipetraka ity tovolahy nantsoina hoe Eotika, izay tafalatsaka tao anaty torimasalo lalina. Raha niresaka naharitra kokoa i Paoly, io tovolahy io, dia mbola natory, tafalatsaka avy eny amin'ny rihana fahatelo ary nony narenina izy dia hita fa efa maty. <sup>10</sup> Fa i Paoly nidina, naninjitra ny tenany teo aminy, ary namihina azy. Avy eo izy niteny hoe: "Aza malahelo intsony, fa velona izy." <sup>11</sup> Dia niakatra indray izy avy eo ary nanapaka ny mofo sy nihinana. Rehefa avy niresaka ela tamin'izy ireo hatramin'ny mangiran-dratsy izy, dia nandeha. <sup>12</sup> Nitondra ilay tovolahy efa velona niverina izy ireo ary tena faly dia faly. <sup>13</sup> Isika mihitsy no nandeha nialohan'i Paoly tamin'ny sambo ary niantsambo ho any Aso, fa any no kasainay handraisana an'i Paoly. Izany no faniriany izy tenany ho atao, satria naniry handeha an-tanety izy. <sup>14</sup> Rehefa nihaona taminay tany Aso izy, dia nentinay tamin'ny sambo izy ka nankany Mitylena. <sup>15</sup> Avy eo niantsambo avy teo izahay ary tonga tao amin'ny tandrifin'ny nosin'i Kio ny ampitso. Ny andro manaraka dia niantsona tao amin'ny nosin'ny Samo izahay, ary ny ampitson'iny dia tonga tao amin'ny tanànan'i Mileto. <sup>16</sup> Fa Paoly nanapa-kevitra ny hiantsambo handalo an'i Efesosy, mba tsy handany fotoana ela any Asia izy; satria izy dia maika ny ho any Jerosalema ny andron'ny Pentekosta, raha azony atao ny manao izany. <sup>17</sup> Avy any Mileto no nandefasany lehilahy ho any Efesosy ary nampiantso ny loholon'ny fiangonana hankeo aminy. <sup>18</sup> Rehefa tonga tao aminy izy ireo, dia niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Ianareo tenanareo mahafantatra, hatramin'ny andro voalohany nanitsahako an'i Asia, hoe toy ny ahoana no nandaniako ny fotoanako niaraka taminareo. <sup>19</sup> Izaho dia nanompo hatrany ny Tompo tamin'ny fanetre-tena rehetra sy ranomaso, ary tao anaty fijaliana no nitranga tamiko izany nohon'ny teti-dratsin'ireo Jiosy. <sup>20</sup> Ianareo dia mahafantatra fa tsy nitazona fahanginana tamin'ny fanambarana taminareo ireo rehetra izay nilaina aho, sy ny fomba nampianarako anareo teo imason'olona ary tamin'ny isan-trano, <sup>21</sup> nijoroako vavolombelona teo amin'ireo Jiosy sy ireo Jentilisa momba ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana ao amin'ny Jesosy Tompontosika. <sup>22</sup> Indro ankehitriny, ho any Jerosalema aho, noteren'ny Fanahy Masina ka tsy mahalala izay hahazo ahy any, <sup>23</sup> afa-tsy izay hampitandreman'ny Fanahy Masina ahy isaky ny tanàn-dehibe amin'ireo famatorana sy fijaliana izay miandry ahy. <sup>24</sup> Fa izaho dia tsy mihevitra ny fiainako hoe sarobidy amin'ny tenako, raha tsy hoe hahavita ny hazakazako sy ny asa fanompoko izay noraisiko avy amin'Jesosy Tompo aho, hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan' Andriamanitra. <sup>25</sup> Ary indro ankehitriny, fantatro fa ianareo rehetra, izay nanambarako ny fanjakana, no tsy hahita ny tarehiko intsony. <sup>26</sup> Noho izany ambarako aminareo amin'ity andro ity, fa izaho dia tsy manan-tsiny amin'ny ràny olona. <sup>27</sup> Fa tsy nafeniko taminareo ny fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra rehetra. <sup>28</sup> Noho izany tandremo ny momban'ny tenanareo, sy ny momban'ireo ondry rehetra izay nampiandraketan'ny Fanahy Masina anareo. Mitandrema amin'ny mpiandry ondrin'ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiany tamin'ny ràny manokana. <sup>29</sup> Fantatro fa aorian'ny fandehanako, dia ho avy eo aminareo ireo amboadia masika ary tsy hiantra an'ireo ondry. <sup>30</sup> Fantatro fa na dia avy aminareo aza dia hisy olona ho avy ary hanova ny marina mba hitarika ireo mpianatra hanaraka azy ireo. <sup>31</sup> Koa miambena. Tsarovy fa nandritry ny telo taona aho no tsy nijanona nampianatra ny tsirairay avy aminareo andro aman'alina tamin'ny ranomaso. <sup>32</sup> Ankehitriny ankiniko amin'Andriamanitra sy amin'ny tenin'ny fahasoavany ianareo, izay afaka manangana sy manome anareo ny lova eo amin'ireo rehetra izay nohamasinina. <sup>33</sup> Tsy nitsiriritra volafotsy, volamena, na lamban'olona aho. <sup>34</sup> Ianareo tenanareo no mahafantatra fa ireto tanana ireto no nanolotra izay nilaiko ary ireo nilain'ireo izay niaraka tamiko. <sup>35</sup> Tamin'ny zava-drehetra no nanomezako ohatra anareo ny fomba tokony hanampinareo ireo malemy amin'ny alalan'ny asa, ary ny fomba hitadidianareo ireo tenin'i Tompo Jesosy, teny izay nambarany izy tenany hoe: "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray." <sup>36</sup> Rehefa avy

niteny toy izany izy, dia nandohalika ary nivavaka niaraka tamin'izy rehetra. <sup>37</sup> Nisy fitomaniana be teo ary namihina an'i Paoly sy nanoroka azy izy ireo. <sup>38</sup> Nalahelo ny maro tamin'izy ireo noho izay noteneniny, hoe: izy ireo dia tsy hahita ny tavany intsony. Avy eo nanatitra azy teny amin'ny sambo izy ireo.

## Footnotes

20:28 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: raha toa ka "Tamin'ny ràny manokana" ny amin'ny antonta-taratasy fahiny dia mivaky hoe: "Tamin'ny ràny manokana."

## Acts 20:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Nandao an'i Efesosy i Paoly ary nanohy ny diany.

### nampahery azy ireo

"niteny zavatra maro nampaherezana ireo mpino"

### ireo Jiosy

DH: "ny sasany tamin'ireo Jiosy"

## Acts 20:4

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Niverina namonjy ilay vondrona i Lioka mpamorona ny Asan'ny Apostoly. Eto ny teny "isika" ary "izahay" dia manondro an'i Lioka sy Paoly.

### Sopatera ... Pyro ... Sekondo ... Tykiko ... Trofino

Ireo dia anaran-dehilahy.

### Beria ... Derbia ... Troasy

Ireo dia anaran-toerana.

### Aristarko ... Gayo

Ireo dia anaran-dehilahy

### ireo lehilahy ireo efa nialoha anay

"ireo lehilahy ireo dia efa nandeha talohanay"

### ny andro fihinanana mofo tsy masira

Io dia manondro ny fotoana firavoravoan'ireo relijiozy Jiosy mandritran'ny vanim-potoana ny Paska.

## Acts 20:7

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Miresaka momban'ny fitorian'i Paoly tany Troasy sy izay nitranga tany Eotyko i Lioka.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "isika" dia manondro an'i Lioka, Paoly ary ireo mpiara-dia amin'izy ireo.

### hanapaka ny mofo

Ny mofo no fihinana mandritran'ny fisakafoana. Eto ny "hanapaka ny mofo" dia midika fa nifampizara izany izy ireo.

### efitra ambony

Izany dia mety tany amin'ny efitra fahatelo

## Acts 20:9

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "tenany" dia manondro an'i Paoly. Ny ety "izy" voalohany dia manondro an'i Paoly ary faharoa kosa dia manondro ilay tovolahy Eotika.

### Teo amin'ny varavarankely

Io dia vavarana eo amin'ny rindrina avo izay malalaka tsara ka azon'ny olona hipetrahana.

### Eotika

Izany no anaran'ilay lehilahy.

### tafalatsaka tao anaty torimasoa lalina

Ny torimasoa eto dia resahina toy ny lavaka lalina izay hianjeran'ny olona. DH: "izay niha reraka mandrapa-resitory azy"

### tafalatsaka avy eny amin'ny rihana fahatelo ary nony

#### narenina izy dia hita fa efa maty

Raha nihidina hijery izay nanjo azy izy ireo dia nahatsikaritra fa efa maty izy.

## Acts 20:11

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity no mamarana ny fizaran'ny tantara momban'ny fitorian'i Paoly tany Troasy ary ny momban'i Eotika.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "izy" dia manondro an'i Paoly.

### ilay tovolahy

Io dia manondro an'i Eotika (20:9). Ireo azo hamdikana azy 1) Izy dia tovolahy mihoatran'ny 14 taona na 2) Izy dia tovolahy eo anelanelan'ny 9 sy 14 taona eo na koa 3) Ny teny "tovolahy" dia midika fa izy dia mpanompo na andevo.



**Acts 20:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny mpanoratra Lioka, Paoly ary ireo mpiara-dia niaraka tamin'izy ireo dia nanohy ny dian'izy ireo na dia nisara-dalama tamin'izy ireo aza i Paoly teny amin'ny ampahan-dalana.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "isik" dia manondro an'i Lioka sy ireo izay niara-dia taminy fa i Paoly tsy tao anatiny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy" sy ny "tenany" dia manondro an'i Paoly.

**niantsambo ho any Aso**

I Aso dia tanàna iray izay eo ambanin'i Torkia, eny amin'ny moron'ny ranomasin'Aegana.

**Izany no faniriany izy tenany ho atao**

Nampiasaina ny "tenany" teto mba hanamafisana izay tadiavin'i Paoly.

**nankany Mitylena**

Mitylena ankehitriny dia tanàna ao Mitiliny ao Torkia eny amorin'ny ranomasin'i Aegana.

**Acts 20:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "isika" dia maondro an'i Paoly, ny mpanoratra Lioka ary ireo izay nandeha niaraka tamin'izy ireo.

**ny nosin'i Kio**

I Kio dia nosy iray any amoron'ny ranomasin'i Aegana tany amin'ny Torkia.

**niantsona tao amin'ny nosin'ny Samo izahay,**  
"tonga tao amin'ny nosin'i Samo izahay"

**ny tanànan'i Mileto**

I Mileto dia seranam-tsambo iray ao amin'ny andrefan'i Azia minora.

**Fa Paoly nanapa-kevitra ny hiantsambo handalo an'i Efesosy**

Nandeha sambo nianatsimon'ny seranan-tsambon'i Efesosy i Paoly mba ahatongavany tany Mileto.

**Acts 20:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Niantso ny loholon'ny fiangonana tany Efesosy i Paoly ary nanomboka niresaka tamin'izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy" eto dia manondro an'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "antsika" dia manondro an'i Paoly sy ireo loholona izay niresahany.

**Mileto**

Mileto dia seranan-tsambo tany amin'ny faritra andrefan'i Azia Minora teo akaikin'ny reniranon'i Meandera. Jereo ny fomba nandikanao izany tamin'ny 20:15.

**nanitsahako an'i Asia**

Ny "tongotra" eto dia midika ny tenany manontolo. DH: "nidirako tao Azia"

**toy ny ahoana no nandaniako ny fotoanako niaraka taminareo**

DH: "ahoana ny fitondran-tenako fony aho niaraka taminareo"

**tamin'ny isan-trano**

Nampianatra ny olona tao an-tokantrano maro i Paoly. DH: "ary nampianatra koa aho fony aho tao an-tranonao"

**momba ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana ao amin'ny Jesosy Tompontsika.**

DH: "fa mila mibebaka eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo ary mino an'i Jesosy Kristy Tompontsika"

**Acts 20:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "Izaho" dia manondro an'i Paoly.

**ho any Jerosalema aho, noteren'ny Fanahy Masina ka tsy mahalala izay hahazo ahy any**

Izany dia miresaka momba ny Fanahy Masina izay nanery an'i Paoly ho any Jerosalema toy ny hoe nifatotra tamin'ilay Fanahy Masina tahaka ny andevo izy. DH: "ny Fanahy Masina dia manery ahy hankany Jerosalema, ary tsy fantatro izay hitranga amiko"

**hampitandreman'ny Fanahy Masina ahy**

"ny Fanahy Masina dia mampita izany fampitandremana izany tamiko"

**famatorana sy fijaliana izay miandry ahy**

Eto ny "famatorana" dia milaza fa nosamborina i Paoly ary nogadraina. DH: "Nogadrain'ny olona aho ary nijaly"

**hahavita ny hazakazako sy ny asa fanompoko izay noraisiko avy amin'Jesosy Tompo aho**

Izany dia miresaka momba ny "hazakazaka" sy ny "asa fanompoana" nataon'i Paul toy ny hoe zavatra entin'i Jesosy sy i Paoly. Eto ny "hazakazaka" sy ny "ministra" dia midika zavatra mitovy. Naverin'i Paoly izany ho fanamafisana. DH: "mba hahafahako hamita ny asa izay efa nandidian'i Jesosy ahy"

**hahavita ny hazakazako**

Niresaka momba ny fanatanterahana ny asa izay nandidian'i Jesosy azy i Paoly ho toy ny hazakazaka.

**hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan' Andriamanitra.**

"hitory vaovao tsara amin'ny olona momba ny fahasoavan'Andriamanitra." Izany no fanompoana nomen'i Paoly an'i Jesosy.

## Acts 20:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanohy niresaka tamin'ireo loholona Efesianina i Paoly.

**izay nanambarako ny fanjakana, no tsy hahita ny tarehiko intsony.**

Eto ny "fanjakana" dia manondro ny fitondran'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "izay nitoriako ny momba ny fanjakan'Andriamanitra ho mpanjaka" na "izay nitoriako momba ny fomba hanehoan'Andriamanitra ny tenany ho mpanjaka"

**tsy hahita ny tarehiko intsony.**

Ny teny "tarehy" dia maneho ny vatan'i Paoly. DH: "Tsy ahita ahy intsony eto amin'ity tany ity"

**izaho dia tsy manan-tsiny amin'ny ràny olona**

Eto ny "rà" dia manambara ny fahafatesan'ny olona, izay amin'ity tranga ity, dia tsy fahafatesana arabatana fa fahafatesana ara-panahy rehefa manondro ny olona iray ho meloka nohony fahotana Andriamanitra. Nolazain'i Paoly tamin'izy ireo ny fahamarinan'Andriamanitra. DH: "Izaho dia tsy tompon'andraikitra amin'izay homen'Andriamanitra tsiny noho ny fahotana satria tsy nahatoky an'i Jesosy izy ireo"

**Fa tsy nafeniko taminareo ny fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra rehetra**

Satria tsy nangina aho ary nanambara taminareo." DH: "Fa efa nanambara taminareo aho"

## Acts 20:28

**Noho izany**

Ity teny ity dia manamarika ny fanambarana iray izay voalaza teo aloha. Amin'ty iray ity dia mitodika amin'ny zavatra rehetra nolazain'i Paoly hatreto ny lahateniny momba ny fandoazany azy ireo.

**ireo ondry rehetra izay nampindraketan'ny Fanahy Masina anareo. Mitandrema amin'ny mpiandry ondrin'ny fiangonan'Andriamanitra**

Ny mpino dia ampitahaina amin'ny "ondry" eto. Ireo mpitarika ny Fiangonana dia nanakinan'Andriamanitra ny fikarakarana ny fiombonan'ny mpino, toy ny ataon'ny mpiandry ondry hikarakara ny andian'ondriny sy hiaro azy ireo amin'ny amboadia. DH: "ny vondron'ireo mpino izay nanankinan'ny Fanahy Masina anao. Aoka ho azo antoka ny fikarakarana ny fiangonan'Andriamanitra"

**ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiany tamin'ny ràny manokana**

Ny fandatsahana ny "ran'i" Kristy eto dia ampitahana amin'ny sarany aloa amin'Andriamanitra nohon'ny fahotantsika. DH: "ireo vahoaka novonjen'i Kristy tamin'ny fandatsahana ny rany teo amin'ny hazo fijaliana"

**Tamin'ny rà**

Eto ny "rà" dia manambara ny fahafatesan'i Kristy.

**ho avy eo aminareo ireo amboadia masika ary tsy hiantra an'ireo ondry**

Ity dia sarin'ireo olona izay mampianatra foto-pampianarana diso sy manimba ny fiarahamonina mpino toy ny hoe amboadia izay mihinana ireo ondry. DH: "maro ireo fahavalo ho tonga eo aminareo ary hiezaka hanisy ratsy ny fiarahamonin'ireo mpino"

**mba hitarika ireo mpianatra hanaraka azy ireo.**

Ny mpampianatra sandoka dia handresy lahatra ireo mpino mba hino ny fampianaran-dison'izy ireo toy ny hoe mitarika ondry hiala amin'ny andian'ondry izy mba hanaraka azy. DH: "mba handresy lahatra ny olona izay mpianatr'i Kristy ho tonga ho mpianany"

## Acts 20:31

**fa nandritry ny telo taona aho no tsy nijanona nampianatra ny tsirairay avy aminareo andro aman'alina tamin'ny ranomaso**

Tsy nampianatra azy ireo nandritra ny telo taona i Paoly, fa anelanelanny telo taona teo.

**tsy nijanona nampianatra**

"tsy nijanona nampitandrina"

**tamin'ny ranomaso**

Eto ny "ranomaso" dia mampiseho ny fitomanian'i Paoly noho ny fihetseham-po mahery vaika izay tsapany fony izy nampitandrina ny vahoaka.

**ankiniko amin'Andriamanitra sy amin'ny tenin'ny fahasoavany ianareo**

Eto ny "teny" dia midika hoe hafatra. DH: "Mangataka amin'Andriamanitra aho mba hikarakara anareo ary hanampy anareo hino hatrany ilay hafatra noteneniko taminareo momba ny fahasoavany"

**izay afaka manangana sy manome anareo**

Ny finoan'ny olona iray matanjaka kokoa dia lazaina toy ny hoe rindrina ny olona iray ary misy olona nanorina azy ho ambony sy matanjaka kokoa. DH: "izay afaka sy hapatanjaka lalandava ny finoanareo"

**manome anareo ny lova**

zany dia miresaka momba ny "tenin'ny fahasoavany" toy ny hoe Andriamanitra mihitsy no hanome ny lova ho an'ireo mpino. DH: "ary Andriamanitra hanome lova ho anareo"

**lova**

Ny fitahiana omen'Andriamanitra ho an'ny mpino dia lazaina toy ny hoe vola na fananana izay holovain'ny zanany amin'ny rainy.

**Acts 20:33**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia namarana ny teniny tamin'ireo loholona tao amin'ny fiangonan'i Efesosy.

**volafotsy, volamena, na lamban'olona**

Ny fitafiana dia heverina ho harena sarobidy; Arakaraky ny maha betsaka azy no mpanankarena anao.

**ireto tanana ireto no nanolotra izay nilaiko**

DH: "Niasa aho mba hahazoako vola ary handoavana ny volako"

**tokony hanampinareo ireo malemy amin'ny alalan'ny asa**  
"tokony hiasa ianareo mba hanam-bola hanampiana ireo olona tsy afaka mahazo izany amin'ny alalan'ny tenany manokana"

**Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray**

Midika izany fa misy olona iray mahazo ny fankasitrahan'Andriamanitra ary mahatsapa fifaliana bebe kokoa rehefa manome ho an'ny hafa nohon'ny mandray avy amin'ny hafa foana.

**Acts 20:36**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny fotoanany niaraka tamin'ireo loholon'ny fiangonana tany Efesosy tamin'ny fivavahana niaraka i Paoly.

**nandohalika ary nivavaka**

Fomban-drazana mahazatra ny mandohalika rehefa mivavaka. Fanehoana ny fanetren-tena teo anatrehan'Andriamanitra izany.

**nanoroka azy**

Ny fanoroana olona eo amin'ny takolaka dia fanehoam-pitiavana tany Afovoantany Atsinanana.

## Chapter 21

<sup>1</sup> Rehefa niala teo amin'izy ireo izahay dia niantsambo, ary nizotra lala-mahitsy nankany amin'ny tanànan'i Kosy, nankany amin'ny tanànan'i Rody ny andro manaraka, ary avy ao dia nankany amin'ny tanànan'i Patara. <sup>2</sup> Rehefa nahita sambo niampita nankany Foinika izahay, dia niditra tao izahay ka niantsambo. <sup>3</sup> Rehefa avy nahita an'i Kypros, dia namela izany teny ampitan'ny sambo, niantsambo ho any Syria izahay ary niantsona tao Tyro, toerana izay namoahan'ireo tantsambo ny entana tao anaty sambo. <sup>4</sup> Raha vao nahita an'ireo mpianatra izahay, dia nijanona tany nandritra ny fito andro. Tamin'ny alalan'ny Fanahy dia nandresy lahatra an'i Paoly hatrany izy ireo mba tsy handeha ho any Jerosalema. <sup>5</sup> Rehefa tapitra ny andronay teny, dia niala tao izahay ka nandeha tamin'ny lalanay, ary izy rehetra, niaraka tamin'ireo vady aman-janany, nanaraka nivoaka tao amin'ny tanàna. Ary nandohalika teny amorn-dranomasina dia nivavaka <sup>6</sup> ary nifanao veloma. Dia niditra tao an-tsambo izahay, ary izy ireo niverina tany an-tranony. <sup>7</sup> Rehefa vitanay ny dia tany Tyro, dia tonga tany Ptolemais izahay. Tany dia nihaona tamin'ireo rahalahy ary nijanona iray andro niaraka tamin'izy ireo. <sup>8</sup> Ny ampitso dia niala tao izahay ary nandeha tany Sezarea. Niditra ny tranon'i Filipo isika, evanjelista, izay iray tamin'ireo fito, ary nijanona niaraka taminy izahay. <sup>9</sup> Ankehitriny io lehilahy io dia nanan-janaka vavy virjiny efatra izay naminany. <sup>10</sup> Rehefa nijanona tao nandritry ny andro maromaro izahay, dia nisy mpaminany anankiray nidina avy tany Jodia nantsoina hoe Agabo. <sup>11</sup> Nanatona anay ary naka ny fehikibon'i Paoly izy. Tamin'iny no namatorany ny tongony sy ny tanany ary niteny hoe: "Hoy ny Fanahy Masina, 'dia ho toy izao no hamatoran' ireo Jiosy any Jerosalema ny lehilahy izay tompon'ity fehin-kibo ity, ary hanolotra azy eo an-tanan'ireo Jentilisa." <sup>12</sup> Rehefa naheno izany zavatra izany izahay, dia izahay sy ireo olona monina tao amin'io toerana io dia niangavy tamin'i Paoly tsy hiakatra ho any Jerosalema. <sup>13</sup> Ary namaly i Paoly nanao hoe: "Inona no ataonareo, mitomany sy mandratra ny foko? Izaho efa vonona, tsy hoe hofatorana fotsiny ihany, fa ho faty any Jerosalema ihany koa amin'ny anaran'i Tompo Jesosy." <sup>14</sup> Satria tsy naniry ny horesen-dahatra i Paoly, dia nijanona nanandrana izahay ary niteny hoe: "Aoka ho tanteraka ny sitra-pon'ny Tompo." <sup>15</sup> Tao aorian'ireo andro ireo, dia nitondra ny kitaponay izahay ka niakatra nankany Jerosalema. <sup>16</sup> Dia nisy ireo mpianatra sasany ihany koa avy any Sezarea nanaraka anay. Nitondra lehilahy iray niaraka tamin'izy ireo izay nantsoina hoe Menasona, lehilahy avy any Sipra, mpianatra mainty molaly, izay tokony hiarahanay mitoetra. <sup>17</sup> Rehefa tonga tany Jerosalema izahay, dia nandray anay am-pifaliana ireo rahalahy. <sup>18</sup> Ny ampitso dia nanaraka anay i Paoly ho any amin'i Jakoba, ary teo daholo ireo loholona rehetra. <sup>19</sup> Rehefa avy niarahaba azy ireo izy, dia nitatitra tsirairay ireo zavatra rehetra izay efa nataon'Andriamanitra tamin'ireo Jentilisa tamin'ny alalan'ny asa fanompoany. <sup>20</sup> Rehefa nandre izany izy ireo, dia nidera an'Andriamanitra, ary niteny taminy hoe: "Hitanao, ry rahalahy, an'arivony firy no nino tamin'ireo Jiosy. Tapa-kevitra izy rehetra hitandrina ny lalàna. <sup>21</sup> Efa nolazan'izy ireo ny momba anao, fa ianao dia mampianatra ireo Jiosy rehetra izay mipetraka eo amin'ireo Jentilisa hahafoy an'i Mosesy, ary ianao milaza azy ireo tsy hamora ny zanany, ary tsy hanaraka ny fomba taloha. <sup>22</sup> Inona no tokony ho hataontsika? Ho ren'izy ireo tokoa fa tonga ianao. <sup>23</sup> Koa ataovy izay lazainay anao. Manana lehilahy efatra izay nanao voady izahay. <sup>24</sup> Ento ireo lehilahy ireo ary diovy miaraka amin'izy ireo ny tenanareo, ary haloavy ireo fandanian'izy ireo, mba hanaratra ny lohany izy ireo. Ka ho fantatry ny olona rehetra fa ireo zavatra izay nolazaina momba anareo dia diso. Ho fantatr'izy ireo fa ianao dia manaraka lalàna ihany koa. <sup>25</sup> Fa mikasika ireo Jentilisa izay nino, izahay dia nanoratra sy nanome torolalana fa tokony hitandrina ny tenany amin'ny zavatra vita sorona ho an'ny sampy izy ireo, avy amin'ny rà, avy amin'izy nokendaina, sy avy amin'ny fijangajangana. <sup>26</sup> Avy eo dia nalain'i Paoly ireo lehilahy, ary ny ampitso, izy nanadio ny tenany niaraka tamin'izy ireo, niditra tao an-tempoly, nanambara ny vanim-potoanan'ny andron'ny fanadiovana, mandra-panatitra ny fanatitra ho an'ny olona tsirairay tamin'izy ireo. <sup>27</sup> Rehefa ho tapitra ireo andro fito, ireo Jiosy sasantsasany avy any Asia, nahita an'i Paoly tao an-tempoly, nampikorontana ireo vahoaka manontolo, ary nisambotra azy. <sup>28</sup> Nitabataba izy ireo hoe: "Ry olon'Israely, ampio izahay". Io ilay lehilahy izay mampianatra ny olona rehetra hatraiza hatraiza ireo zavatra izay manohitra ny olona, ny lalàna, ary ity toerana ity. Fanampin'izany, nitondra Grika tao an-tempoly ihany koa izy ary nandoto an'ity toerana masina ity. <sup>29</sup> "Fa izy ireo teo aloha nahita an'i Trofima izay Efezianina niaraka taminy tao an-tanàna, ary nieritreritra izy ireo fa i Paoly no nitondra azy tao an-tempoly. <sup>30</sup> Nifanaritaka ny tanàna rehetra, ary niaraka nihazakazaka sy nisambotra an'i Paoly ny olona. Nisintona azy hivoaka ao amin'ny tempoly izy ireo, dia nakatona teo noho eo ny varavarana. <sup>31</sup> Raha teo am-pamonoana azy izy ireo, dia nisy vaovao tonga tany amin'ny kapitenin'ny mpiambina fa mikorontana avokoa Jerosalema iray manontolo. <sup>32</sup> Avy hatrany dia naka miaramila sy kapiteny izy ary nihazakaza nidina nankany amin'ireo vahoaka. Rehefa nahita ny kapiteny sy ireo miaramila ny vahoaka, dia nijanona nikapoka an'i Paoly izy ireo. <sup>33</sup> Dia nanatona ilay kapiteny ary nisambotra an'i Paoly, ary nasainy

nofatorana tamin'ny rojo vy roa izy. Dia nanontany izy hoe iza izy ary inona no nataony. <sup>34</sup> Ny sasany tamin'ireo vahoaka nitabataba zavatra iray ary ireo hafa zavatra hafa. Satria tsy afaka niteny na inona na inona ny kapiteny noho ny tabataba rehetra, dia nasainy nentina ho any amin'ny rova i Paoly. <sup>35</sup> Rehefa tonga teo amin'ny tohatra izy, dia nentin'ireo miaramila izy noho ny herisetran'ny vahoaka. <sup>36</sup> Fa nanaraka tao aoriana ny vahoaka be ary nanohy nihorakoraka hoe: "Vonoy izy" <sup>37</sup> Raha iny ho entina tao an-drova iny i Paoly, dia hoy izy tamin'ny kapiteny: "Afaka miteny zavatra aminao ve aho?" Hoy ilay kapiteny hoe: "Miteny Grika ve ianao?" <sup>38</sup> Tsy ianao ve ilay Egyptiana, izay nitarika fikomiana tany aloha ary nitarika ireo efatra arivo lahy an'ny 'mpamono olona' nivoaka avy tany an-tany efitra?" <sup>39</sup> I Paoly dia niteny hoe: "Izaho dia Jiosy, avy any amin'ny tanàn'i Tarsosy any Kiliaka. Izaho dia olom-pirenen'ny tanàna manan-danja. Mangataka aminao aho, avelao aho hiteny amin'ny olona". <sup>40</sup> Rehefa namela azy hiteny ilay kapiteny, dia nitsangana teo amin'ny tohatra i Paoly ary nanao fihetsika tamin'ny tanany tamin'ny vahoaka. Rehefa nisy fahanginana lalina, dia niresaka tamin'izy ireo tamin'ny fiteny Hebreo izy. Hoy izy:

### Acts 21:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Nanohy ny diany i Lioka sy Paoly ary ireo mpiara-dia tamin'izy ireo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Lioka, Paoly, ary ireo izay niara-dia tamin'izy ireo.

**nizotra lala-mahitsy nankany amin'ny tanànan'i Kosy**  
"nandeha mivantana tany amin'ny tanànan'i Kosy izahay"

### Acts 21:3

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Lioka, Paoly, ary ireo izay niara-dia tamin'izy ireo.

**Tamin'ny alalan'ny Fanahy dia nandresy lahatra an'i Paoly hatrany izy ireo**  
"Ireo mpino ireo dia nilaza tamin'i Paoly ny zavatra nambaran'ny Fanahy Masina tamin'izy ireo"

### Acts 21:5

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino avy any Tyro.

#### Rehefa tapitra ny andronay tenY

DH: "Rehefa tapitra ny fito andro" na "Fotoana handehana"

**nandohalika teny amorn-dranomasina dia nivavaka**  
Fomba efa mahazatra ny mandohalika rehefa nivavaka. Fanehoana ny fanetren-tena teo anatrehan'Andriamanitra izany.

### Acts 21:7

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Ity no fanombohan'ny fotoanan'i Paoly tany Kaisaria.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Lioka, Paoly, ary ireo izay niara-dia tamin'izy ireo.

#### tonga tany Ptolemais izahay

Ptolemais dia tanàna iray any atsimon'i Tyro, Libanona. Ptolemaika dia andro maoderina Akra ao Isaraely.

#### ireo rahalahy

"mpino namana"

#### iray tamin'ireo fito

Ny "fito" dia manondro ireo lehilahy voafidy mba hizara sakafo sy hanampy ireo mananotena ao amin'ny 6: 5.

#### io lehilahy io

"i Filipo" tao amin'ny andininy faha-8

#### nanan-janaka vavy virjiny efatra izay naminany

"zanakavavy virijina efatra izay nandray ary mampianpita ny hafatra avy amin'Andriamanitra"

### Acts 21:10

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Izany dia mitantara momba ny faminaniana iray nataon'i Paoly tao Kaisaria tamin'ny mpaminany Agabo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "izahay" sy "anay" dia manondro an'i Lioka sy Paoly ary ireo niaraka taminy.

#### nisy mpaminany anankiray

Izany dia mampiditra olona vaovao ao amin'ny tantara.

#### Agabo

Agabo dia lehilahy iray avy any Jodia.

**Hoy ny Fanahy Masina, 'dia ho toy izao no hamatoran' ireo Jiosy any Jerosalema ny lehilahy izay tompo'ity**

**fehin-kibo ity, ary hanolotra azy eo an-tanan'ireo Jentilisa."**

DH: "Ny Fanahy Masina dia milaza fa ho toy izany no hamatoran'ireo Jiosy any Jerosalema ... ireo Jentilisa."

#### **ireo Jiosy**

Izany dia tsy manondro ny Jiosy rehetra fa ireo olona izay nanao izany ihany. DH: "ireo mpitondra jiosy" na "ny sasany tamin'ny Jiosy"

#### **Ireo Jentilisa**

Izany dia ireo manampahefana teo amin'ny Jentilisa. DH: "ireo Jentilisa manampahefana"

### **Acts 21:12**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Lioka sy ireo mpino hafa akotran'i Paoly.

#### **Inona no ataonareo, mitomany sy mandratra ny foko**

Nametraka ity fanontaniana ity i Paoly mba hampisehoana amin'ireo mpino fa tsy tokony hitsahatra handresy lahatra azy izy ireo. DH: "Atsaharo izay ataonareo. Ny tomaninareo dia mandratra ny foko"

#### **amin'ny anaran'i Tompo Jesosy**

Eto ny "anarana" dia manondro ny tenan'i Jesosy. DH: "noho ny amin'i Jesosy Tompo" na "satria mino an'i Jesosy Tompo aho"

#### **tsy naniry ny horesen-dahatra**

DH: "tsy naniry ny handresenay lahatra azy tsy hankany Jerosalema"

#### **Aoka ho tanteraka ny sitra-pon'ny Tompo**

DH: "Aoka hitranga avokoa ny zava-drehetra araka ny efa nanomanan'ny Tompo azy"

### **Acts 21:15**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto no mifarana ny fotoana nijanonan'i Paoly tao Kaisaria.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" sy "anay" dia manondro an'i Lioka sy Paoly ary ireo niaraka taminy.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ny sasany tamin'ireo mpianatra avy tao Kaisaria.

#### **mpianatra mainty molaly**

Midika izany fa anisan'ireo voalohany nino an'i Jesosy i Menasona.

### **Acts 21:17**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tonga tao Jerosalema i Paoly sy ireo mpiara-dia taminy.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izy" sy "ny azy" dia manondro an'i Paoly. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo loholona.

#### **nandray anay am-pifaliana ireo rahalahy**

Ireo "ireo rahalahy" dia manondro ireo mpino any Jerosalema na lahy na vavy. DH: "noraisin'ireo mpiray finoana taminay izahay"

#### **izy, dia nitatitra tsirairay**

"Notantarainy an-tsipiriany ny rehetra"

### **Acts 21:20**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka ny valintenin'izy ireo tamin'i Paoly ny loholona tao Jerosalema.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity ny teny hoe "izy ireo" dia manondro an'i Jakôba sy ireo loholona.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "azy" dia manondro an'i Paoly.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino jiosy izay naniry ny Jiosy mpino rehetra hitandrina ireo lalàna jiosy sy ireo fombafomba

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" sy "azy ireo" dia manondro ireo Jiosy izay mino an'i Kristy.

#### **Efa nolazan'izy ireo ny momba anao, fa ianao dia**

**mampianatra ireo Jiosy rehetra izay mipetraka eo amin'ireo Jentilisa hahafoy an'i Mosesy, ary ianao milaza azy ireo tsy hamora ny zanany, ary tsy hanaraka ny fomba taloha.**

Eto misy ireo Jiosy izay manakorontana ny zavatra ampianarin'i Paoly. Tsy nanakivy azy ireo tsy fankatoavan'ireo Jiosy ny Lalàn'i Mosesy. Ny hafany dia ny famorana sy ny fombafomba hafa dia tsy notakiana amin'ny famonjen'i Jesosy azy ireo. Azonao atao ny milaza mazava tsara fa ireo mpitarika ny mpino Jiosy tany Jerosalema dia nahafantatra fa nampianatra ny hafatra marina avy amin'Andriamanitra i Paoly.

#### **hahafoy an'i Mosesy**

Eto i "Mosesy" dia manambara ny lalàn'i Mosesy. DH: "hampitsahatra ny fankatoavana ny lalàna nomen'i Mosesy antsika"

#### **tsy hanaraka ireo fomba taloha**

Ny fankatoavana ireo fanao taloha dia voalaza fa toy ny hoe nitarika azy ireo sy ireo olona manaraka azy aoriana. DH: "tsy hankatò ny fanao taloha" na "tsy hampihatra ny fanao taloha"

#### **ireo fomba taloha**

"ny fomba amam-panao fataon'ireo Jiosy"

**Acts 21:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Indro ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Jakôba sy ireo loholona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpino jiosy tany Jerosalema izay te hampianatra ny mpino jiosy fa mbola afaka manaraka ny lalàn'i Mosesy izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo", "ny azy ireo", ary ny teny voalohany "izy ireo" dia manondro ireo lehilahy efatra nanao voady. Ny teny faharoa hoe "izy ireo" dia milaza ireo mpino jiosy tany Jerosalema izay te hampianatra ny mpino jiosy fa mbola afaka manaraka ny lalàn'i Mosesy izy ireo.

**lehilahy efatra izay nanao voady**

"lehilahy efatra nanao fanekena tamin'Andriamanitra". Izany no karazana voady izay tsy ahafahan'ny olona misotro toaka na manapaka ny volony mandra-pahatapitry ny fotoana voafetra.

**Ento ireo lehilahy ireo ary diovy miaraka amin'izy ireo ny tenanareo**

Tsy maintsy nanao ny tenany ho madio ara-pomba izy ireo mba hahafahany manompo ao amin'ny tempoly.

**haloavy ireo fandanian'izy ireo,**

"Aloavy izay ilain'izy ireo." Ireo fandanianana dia handehanana hividy ondrilahy lahy sy vavy ary fanatitra varimbazaha sy divay.

**hanaratra ny lohany izy ireo.**

Famantarana ny nahavitan'ilay olona ny zavatra nampanantenaina an'Andriamanitra.

**ireo zavatra izay nolazaina momba anareo**

: "ny zavatra lazain'ny olona momba anareo"

**Acts 21:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

namarana ny fangatahany tamin'i Paoly i Jakôba sy ireo loholona tany Jerosalema.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Jakôba sy ireo loholona.

**tokony hitandrina ny tenany amin'ny zavatra vita sorona ho an'ny sampy izy ireo, avy amin'ny rà, avy amin'izay nokendaina, sy avy amin'ny fijangajangana.**

Ireo rehetra ireo dia fitsipika momba izay azon'izy ireo hoanina. Tsy mahazo mihinana henam-biby fatao sorona ho an'ny sampy izy ireo, hena mbola rà ao anatiny, ary ny hena avy amin'ny biby nokendaina satria mbola misy rà eo amin'ny henany.

**alain'i Paoly ireo lehilahy**

Ireo no 4 lahy izay nanao voady.

**nanadio ny tenany niaraka tamin'izy ireo**

Mialohan'ny idirana ao amin'ny faritry ny tempoly ireo Jiosy dia tokony ho madio ara-pomba sy madio ara-dalàna. Io fanadiovana io dia natao tamin'ireo Jiosy nifandray tamin'ireo Jentilisa.

**niditra tao an-tempoly**

Tsy niditra tao amin'ny tempoly izy ireo fa ny mpisoronabe ihany no afaka niditra. Niditra tao ankianjan'ny tempoly izy ireo. DH: "niditra tao amin'ny tokotanin'ny tempoly"

**andron'ny fanadiovana**

Izany dia dingana fanadiovana samihafa izay takiana amin'izy ireo mba hotanterahina mba ahafahana miditra ao amin'ny faritry ny tempoly.

**mandra-panatitra ny fanatitra**

DH: "mandra-panatitra ireo biby atao sorona"

**Acts 21:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto no manomboka ny tantara momban'ny fisamborana an'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny andininy faha-29 dia manome fampahafantarana mahakasika ireo Jiosy avy any Azia.

**andro fito**

Io ilayfito andro ho an'ny fanadiovana.

**tao an-tempoly**

Tsy tao an-tempoly i Paoly fa teny an-tokotany ivelany. DH: "teo an-tokotanin'ny tempoly"

**ny olona, ny lalàna, ary ity toerana ity**

"Ireo olon'Israely, ny lalàn'i Mosesy ary ny tempoly"

**Fanampin'izany, nitondra Grika tao an-tempoly ihany koa izy**

Ireo lehilahy Jiosy ihany no nahazo miditra teo amin'ny faritra sasany teo amin'ny tokotany ny Tempolin'i Jerosalema.

**Fa izy ireo teo aloha nahita an'i Trofima izay Efezianina niaraka taminy tao an-tanàna, ary nieritreritra izy ireo fa i Paoly no nitondra azy tao an-tempoly.**

Lioka dia manazava ny antony nahatonga ireo Jiosy avy any Azia hisaina ny nitondran'i Paoly Grika tao an-tempoly.

**Trofima**

Io ilay lehilahy Jiosy izay nanendrikendreana an'i Paoly fa nentiny niditra tao amin'ny faritry ny tempoly izay voatokana ho an'ireo Jiosy irery ihany.

**Acts 21:30****Nifanaritaka ny tanàna rehetra**

Ny teny "rehetra" eto dia hitatra mba ho fanamafisana. Ny teny "tanàna" indray dia maneho ireo mponina tao Jerosalema. DH: "vahoaka maro tao an-tanàna no niha tezitra tamin'i Paoly.

**nakatona teo noho eo ny varavarana**

Nakaton'izy ireo ny varavarana mba tsy hisian'ny korontana tao amin'ny faritry ny tempoly. DH: "nakaton'ireo mpiambina tempoly haingana ireo varavarana"

**nisy vaovao tonga tany amin'ny kapitenin'ny mpiambina**

Eto ny "vaovao" dia manondro ilay mpitondra hafatra izay nandeha nilaza ireo vaovao. DH: "nisy olona napandre ireo vaovao tany amin'ilay kapiteny lehiben'ny mpiambina.

**kapiteny lehibe**

"mpitarika miarammila manodidina ny 600"

**mikorontana avokoa Jerosalema iray manontolo**

Ny teny "Jerosalema" eto dia manambara ireo olona tao Jerosalema. DH: "olona maro tao Jerosalema no nikorontana.

**Acts 21:32****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy" eto dia manondro ilay kapiteny lehiben'ny mpiambina izay voatonona ao amin'ny 21:30.

**nasainy nofatorana tamin'ny rojo vy roa izy**

DH: "nibaiko ireo miaramilany hamatotra azy"

**nanontany izy hoe iza izy ary inona no nataony**

DH: "nanontany izy hoe: "Iza io lehilahy io? inona no nataony?"

**nanontany izy hoe iza izy**

Ilay kapiteny lehibe dia niresaka tamin'ireo vahoaka fa tsy i Paoly.

**Acts 21:34****nasainy nentina ho any amin'ny rova i Paoly**

DH: "Nanome baiko ireo miaramilany izy mba hitondra an'i Paoly"

**rova**

Io rova io dia mifandray amin'ny tokotanin'ny tempoly.

**Rehefa tonga teo amin'ny tohatra izy, dia nentin'ireo miaramila izy**

DH: "Rehefa tonga teo amin'ny tohatra izy, dia nolanjan'ireo miaramila izy"

**Acts 21:37****Raha iny ho entina tao an-drova iny i Paoly**

DH: "Raha efa vonona ny hitondra an'i Paoly ireo miaramila"

**Miteny Grika ve ianao? 38Tsy ianao ve ilay Egyptiana izay nitarika fikomiana tany aloha ary nitarika ireo efatra arivo lahy an'ny 'mpamono olona' nivoaka avy tany an-tany efitra?**

Ilay kapiteny lehibe dia nametraka io fanontaniana io mba nampisehoana fahatairana fa i Paoly dia tsy araka ilay noeritreretiny. DH: "Miteny Grika tokoa izany ianao. Noheveriko fa ilay Egyptianina izay nitarika ilay fikomiana tany an'efitra niaraka tamin'ireo mpampihorohoro efatra ariva ianao"

**Tsy ianao ve ilay Egyptiana**

Fotoana fohy talohan'ny fitsidihan'i Paoly dia nisy lehilahy iray tsy fantatra anarana avy Egipta izay namorona fikomina hanohitra an'i Roma tao Jerosalema. Taty aoriana dia tafatsoka "tany an-efitra" izy ary nanontany an'i i Paoly ilay manam-pahefana raha toa ka izy ilay lehilahy.

**nitarika fikomiana**

DH: "nahatonga ireo olona hikomy hanohitra ny fanjakana Romana"

**Acts 21:39****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka niaro izay vitany i Paoly.

**namela azy hiteny ilay kapiteny**

DH: "nanome alalana an'i Paoly hiteny ilay kapiteny"

**nitsangana teo amin'ny tohatra i Paoly**

Ny teny "tohatra" eto dia manondro ireo zana-tohatra mankan amin'ilay rova.

**nanao fihetsika tamin'ny tànany tamin'ny vahoaka**

DH: "nanao fihetsika tamin'ny tànany tamin'ny vahoaka mba hampanginana ireo olona.

**Rehefa nisy fahanginana lalina**

"Rehefa nangina tanteraka ireo olona"



## Chapter 22

<sup>1</sup> "Ry rahalahy sy ry ray, henoy ny fiarovako izay hataoko aminareo ankehitriny." <sup>2</sup> Rehefa nandre an'i Paoly niteny tamin'ny teny Hebreo ireo vahoaka, dia lasa nangina izy ireo. Hoy izy hoe: <sup>3</sup> "Jiosy aho, teraka tany Tarsosy any Kilikia, fa nobeazina teto amin' ity tanàna ity teo amin'ny tongotr'i Gamaliela. Nampianarina araka ny fomba hentitry ny lalàn'ireo razantsika aho. Tena mafana fo ho an'Andriamanitra aho, tahaka anareo rehetra amin'izao andro izao. <sup>4</sup> Nanenjika io Làlana io ho amin'ny fahafatesana aho, namatotra sy nanolotra azy ireo ho atao an-trano maizina na lahy na vavy, <sup>5</sup> ary ny mpisorona be sy ireo loholona rehetra afaka mijoro vavolombelona. Naharay taratasy avy any amin'izy ireo aho ho an'ireo rahalahy any Damaskosy, ary nandeha nankany nitondra azy ireo niverina mbola mifatotra hankany Jerosalema mba hanasaziana azy ireo. <sup>6</sup> Izao no niseho rehefa nandeha ary nanakaiky an'ny Damaskosy aho, ary tamin'ny mitataovovonana teo ho eo dia nisy hazavana lehibe avy any an-danitra nanomboka namiratra nanodidina ahy. <sup>7</sup> Lavo tamin'ny tany aho ary nahare feo niteny tamiko hoe: 'Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?' <sup>8</sup> Namaly aho hoe: 'Iza moa ianao, Tompoko?' Niteny tamiko Izy hoe: 'Izaho no Jesosin'ny Nazareta, izay enjehinao.' <sup>9</sup> Ireo izay niaraka tamiko dia nahita ny hazavana, fa izy ireo dia tsy nahafantatra ilay feony izay niteny tamiko. <sup>10</sup> Hoy aho hoe: 'Inona no tokony ataoko, Tompoko?' Ny Tompo niteny tamiko hoe: 'Mitsangàna ary midira any Damaskosy; any no hanambarana anao ny zava-drehetra izay tokony hataonao.' <sup>11</sup> Tsy nahita noho'ny famirapiratan'izany fahazavana izany aho, ary notantan'ireo izay niaraka tamiko, ka dia tonga tany Damaskosy aho. <sup>12</sup> Nihaona tamin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Ananiasy tany aho, lehilahy matahotra an'Andriamanitra nanaraka ny lalàna ary tsara laza teo amin'ireo Jiosy rehetra izay nipetraka tao. <sup>13</sup> Nanatona ahy izy, nijoro teo anilako, ary niteny hoe: 'Ry rahalahy Saoly, mahiràta.' Tamin'izany ora izany indrindra dia nahita azy aho. <sup>14</sup> Ary niteny izy hoe: 'Ny Andriamanitr'ireo razantsika dia nifidy anao mba hahalala ny sitrapony, mba hahita ny Iray Marina, ary handre ny feo aloaky ny vavany. <sup>15</sup> Fa ho vavolombelona ho Azy amin'ny olona rehetra momba izay hitanao sy renao ianao. <sup>16</sup> Ary maninona ianao no miandry? Mitsangàna, aoka ho atao batisa, ary diovy ireo fahotanao, miantsoa amin'ny anarany.' <sup>17</sup> Rehefa avy niverina tany Jerosalema aho, ary raha mbola nivavaka tao an-tempoly, dia nahazo tsindrimandry aho. <sup>18</sup> Nahita Azy aho niteny tamiko hoe: 'Malaky mialà an'i Jerosalema faingana, satria izy ireo tsy hanaiky ny fijoronao vavolombelona momba Ahy.' <sup>19</sup> Hoy aho: 'Tompoko, izy ireo tenany dia mahafantatra fa izaho nanagadra sy nikapoka ireo izay nino Anao tao amin'ny synagoga rehetra. <sup>20</sup> Rehefa nalatsaka ny rà'n'i Stefana vavolombelona, izaho koa dia mba nitsangana teo sy nanaiky, ary niambina ny fitafian'ireo izay namono azy aho.' <sup>21</sup> Fa niteny tamiko Izy hoe: 'Mandehana, satria halefako lavitra an'ireo Jentilisa ianao.'" <sup>22</sup> Nihaino azy izy ireo mandra-piteniny izany. Dia nihiaka mafy izy ireo ary niteny hoe: "Vonoy hiala eto amin'ny tany ny lehilahy tahaka io, satria tsy mendriky ny ho velona izy." <sup>23</sup> Raha nitabataba izy ireo, nanipy ny akanjony, ary nanipy vovoka tamin'ny rivotra, <sup>24</sup> ny lehiben'ny kapiteny dia nandidy an'i Paoly mba ho entina any amin'ny lapa. Izy nandidy fa tokony hadinina miaraka amin'ny kapoka izy, ka mba izy tenany dia hahalala hoe nahoana izy ireo no nihikiaka nanohitra azy toy izany. <sup>25</sup> Rehefa namatotra azy tamin'ny kofehy hoditra izy ireo, dia hoy Paoly tamin'ilay kapiteny izay nitsangana teo: "Ara-dalàna ho anareo ve ny manakaravasy lehilahy izay Romana sy tsy mbola notsaraina akory? <sup>26</sup> Rehefa naheno izany ilay kapiteny, dia nankany amin'ny lehiben'ny kapiteny izy ka nilaza azy, niteny hoe: "Inona izao ataonao izao? Fa mponin'ny Romana io lehilahy io." <sup>27</sup> Nanatona ilay lehiben'ny kapiteny ary niteny taminy hoe: "Teneno ahy, mponina Romana ve ianao?" Paoly namaly hoe: "Eny." <sup>28</sup> Ary namaly ilay lehiben'ny kapiteny hoe: "Tamin'ny vola be fotsiny no nahazoko io zom-pirenena io. Fa Paoly niteny hoe: "Nateraka ho mponin'ny Romana aho." <sup>29</sup> Ary nandao azy teo no ho eo ilay lehilahy izay nametra-panontaniana azy. Natahotra ihany koa ilay lehiben'ny kapiteny, rehefa fantany fa mponina Romana i Paoly, satria izy namatotra azy. <sup>30</sup> Ny ampitso, te hafa-tatra ny marina momba ireo fanendrikendrehan'ireo Jiosy nanohitra an'i Paoly ny lehiben'ny kapiteny. Ka novahany ireo fatotra ary nibaiko ireo mpisorona be sy ireo filan-kevitra rehetra mba hivory izy. Ary nitondra an'i Paoly nidina izy ary nametraka azy teo afovoan'izy ireo.

### Acts 22:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny andininy faha-2 dia manome fampahafantarana.

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Niresaka tamin'ireo vahoaka tao Jerosalema i Paoly.

**Ry rahalahy sy ry ray**

Izany dia fahalalam-pomba rehefa miresaka amin'ireo lehilahy izay mitovy taona amin'i Paoly ary ireo mpihaino efa nahazo taona.

**hataoko aminareo ankehitriny**

"hoazavaiko aminareo ankehitriny" na "ho asehoko aminareo ankehitriny"

**ny teny Hebreo**

ny teny Hebreo no teny nampiasain'ireo Jiosy.

**Acts 22:3****fa nobeazina teto amin' ity tanàna ity teo amin'ny tongotr'i Gamaliela**

DH: "fa izaho dia mpianatr'i Raby Gamaliela teto Jerosalema"

**teo amin'ny tongotr'i Gamaliela**

Eto ny "tongotra" dia midika ilay toerana izay hipetrahan'ny moianatra rehefa ampianarin'ny mpampianatra. DH: "teo akaikin'i Gamaleila"

**Gamaleila**

Gamaleila dia anisan'ny iray amin'ireo mpampianatra malaza amin'ny lalàna Jiosy.

**Nampianarina araka ny fomba hentitry ny lalàn'ireo razantsika aho**

DH: "Izy dia nampianatra ahy ny fomba hankatoavana ireo lalàn'ireo razantsika" na "ny fampianarana noraisiko dia manaraka tsara amin'ny antsipiriany ireo lalàn'ireo razantsika"

**lalàn'ireo razantsika**

Izany dia fomba iray hafa hilazana ny : lalàn'i Mosesy."

**Tena mafana fo ho an'Andriamanitra aho**

"Izaho dia nanolo-tena amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra" na "izaho dia liana amin'ny fanompoana an'Andriamanitra"

**tahaka anareo rehetra amin'izao andro izao**

I Paoly dia nampitaha ny tenany tamin'ireo vahoaka.

**ho amin'ny fahafatesana**

DH: "ary hitady fomba hamonona azy ireo aho"

**Naharay taratasy avy any amin'izy ireo aho**

"Ireo mpisoronambe sy ireo loholona no nanome ahy ireo taratasy ireo"

**ireo rahalahy any Damaskosy**

Eto ny "rahalahy" dia manondro ireo "namana Jiosy"

**niverina mbola mifatotra hankany Jerosalema mba hanasaziana azy ireo**

"nobaikon'izy ireo hamatotra azy ireo amin'ny rojo ary hitondra azy ireo hiverina any Jerosalema aho"

**mba hanasaziana azy ireo**

DH: "mba hanasazian'ireo manam-pahefana Jiosy azy ireo"

**Acts 22:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mitantara ny fihaonany tamin'i Jesosy i Paoly.

**nahare feo niteny tamiko**

DH: "nandre olona niteny tamiko aho"

**Acts 22:9****izy ireo dia tsy nahafantatra ilay feony izay niteny tamiko**

DH: "Tsy azon'izy ireo izay nolazain'ilay iray niresaka tamiko"

**Tsy nahita noho'ny famirapiratan'izany fahazavana izany aho**

"Izaho dia lasa jamba satria noho ilay taratry ilay hazavana"

**notantanan'ireo izay niaraka tamiko, ka dia tonga tany Damaskosy aho.**

DH: "nitarika ahy ho any Damaskosy ireo izay niaraka tamiko"

**Acts 22:12****Fampahafantarana aminny ankapobeny**

Ny teny "izy" sy azy ireo dia manondro an i Ananiaasy

**Ananiaasy**

Io dia tsy ilay ananiaasy izay maty tany aloha tao amin'ny Asan'ny Apostoly 5:3.

**tsara laza teo amin'ireo Jiosy rehetra izay nipetraka tao**

DH: "Ireo Jiosy izay niaina tao dia niteny tsara momba azy"

**rahalahy Saoly**

Eto "rahalahy" dia fahalalam-pomba rehefa miarahaba olona. DH: "Ry Saoly namako"

**Acts 22:14****Fampahafantarana aminny ankapobeny**

Namarana ny teniny mahakasika izay nitranga tao Damaskosy. Izany dia ampahany amin'ny teny

**Fampahafantarana aminny ankapobeny**

Ny teny "izy" dia manondro an'i Ananiaasy

**ny sitrapony**

"izay drafitr" Andriamanitra ary izay ho tanterahiny."

**handre ny feo aloaky ny vavany**

Ny "feo" sy "vava" dia manondro ilay miteny. DH: "mba hihaino azy Hiresaka mivantana aminareo"

**maninona ianao no miandry?**

Io fanontaniana io dia napetraka mba namporisihana an'i Paoly mba ho atao Batisa. DH: "Aza miandry!" na "Aza ela."

**ho atao batisa**

DH: "aoka ho ataoko batisa Ianao"

**ary diovy ireo fahotanao**

DH: "mangataha famelana tamin'ny otanareo"

**miantsoa amin'ny anarany**

Eto ny "anarana" dia manondro ny Tompo. DH: "miantso ny Tompo" na "matoky ny Tompo"

**Acts 22:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nanomboka nanambara tamin'ny vahoaka ny nahitany an'i Jesosy tao anaty fahitana i Paoly.

**nahazo tsindrimandry aho**

DH: "nahita fahitana aho" na "nomen'Andriamanitra fahitana aho"

**Nahita Azy aho niteny tamiko**

Nahita an'i Jesosy aho niteny tamiko

**izy ireo tsy hanaiky ny fijorona vavolombelona momba Ahy**

"Ireo izay miaina any Jerosalema dia tsy hino izay lazainao momba ahy"

**Acts 22:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ity no mamarana izay voalazan'i Paoly tamin'ireo vahoaka Jiosy teo amin'ny rova.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy izay tsy mpino tao Jerosalema.

**ny synagoga rehetra**

I Paoly dia nitady ireo Jiosy izay mino an'i Jesosy erakin'ny synagoga.

**Rehefa nalatsaka ny rà'n'i Stefana vavolombelona**

Ny "rà" eto dia ny ain'i Stefana. Ny fandatsahana rà dia midika hoe mamono. DH: "izy ireo dia namono an'i Stefana izay nijoro ho vavolombelona momba Ahy"

**Acts 22:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny hoe "azy" sy ny teny roa voalohany "izy" dia miresaka an'i Paoly. Ny teny hoe "Izy" manaraka dia manondro ilay kapiteny lehibe.

**nanipy ny akanjony, ary nanipy vovoka tamin'ny rivotra**  
Nanao ireo fihetsika ireo ireo Jiosy mba nampisehoana ny fahatezerana noho ny fahatsapan'izy ireo fa i Paoly dia nanohitra an'Andriamanitra.

**Izy nandidy fa tokony hadinina miaraka amin'ny kapoka izy**

Ilay manam-pahefana dia te hampijaly an'i Paoly mba hahazoana antoka fa hilaza ny marina izy. DH: "Nandidy ny miaramilany izy mba hanery an'i Paol hilaza ny marina"

**Acts 22:25****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny teny "izy ireo" dia manondro ireo miaramila.

**Ara-dalàna ho anareo ve ny manakaravasy lehilahy izay Romana sy tsy mbola notsaraina akory?**

Nametraka io fanontaniana io i Paoly mba hahatonga ilay kapiteny hanamarina raha mitombona ny fikapoan'ireo miaramilany an'i Paoly. DH: "Tsy azo atao ny mamono lehilahy romanina nefa tsy voaheloka!"

**Acts 22:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "azy" dia manondro an'i Paoly.

**Tamin'ny vola be fotsiny**

"Taorian'ny nanolorako vola be tamin'ireo manampahefana romanina." Ny kapiteny dia manambara ity fanambarana ity satria fantany fa sarotra ny ho tonga olom-pirenena Romana, ary ahiahiny fa tsy milaza ny marina i Paoly.

**Nateraka ho mponin'ny Romana aho**

Raha olom-pirenena romanina ny rainy, dia lasa olom-pirenen'ny Romanina ny zanany rehefa teraka.

**lehilahy izay nametra-panontaniana**

"ireo lehilahy nikasa nanontany" na "ireo lehilahy niomana hametraka fanontaniana"

**Acts 22:30****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "izy" dia manondro ilay kapiteny.

**nitondra an'i Paoly nidina izy**

Avy ao amin'ny rova dia misy tohatra midina mankany amin'ny kianjan'ny tempoly.

## Chapter 23

<sup>1</sup> I Petera dia nijery nivantana tany amin'ireo mpikambana tao amin'ny filan-kevitra ary niteny hoe: "Ry rahalahy, izaho dia efa niaina teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny fieritreretana tsara rehetra mandraka androany." <sup>2</sup> Ny mpisorombe Ananiasy dia nibaiko ireo izay nitsangana teo akaikiny mba hamelezana ny vavany. <sup>3</sup> Avy eo i Paoly niteny azy hoe: "Andriamanitra dia hikapoka anao, ianao ry rindrina voalalotra fotsy. Ianao ve dia mipetraka hitsara ahy amin'ny lalàna, nefa mandidy ahy mba ho kapohina, tsy araka ny lalàna?" <sup>4</sup> Ireo izay nitsangana teo dia niteny hoe: "Izao ve no fomba hanevatevanareo ny mpisoromben'Andriamanitra?" <sup>5</sup> I Paoly niteny hoe: "Tsy nahafantatra aho, ry rahalahy, hoe izy ilay lehiben'ny mpisorombe. Fa efa voasoratra hoe: tsy tokony hiteny ratsy ny mpitondra ny vahoakanao ianao." <sup>6</sup> Rehefa hitan'i Paoly fa ny sasany tamin'ny filan-kevitra dia Sadoseo ary ny hafa Fariseo, dia niteny mafy tao amin'ny filan-kevitra izy hoe: "Ry rahalahy, izaho dia Fariseo, zanaka lahin'ireo Fariseo. Izany no izy satria izaho dia manantena tsara ny fitsanganan'ny maty izay hitsarana ahy." <sup>7</sup> Rehefa niteny izany izy, dia nanomboka nisy fifandirana teo amin'ireo Fariseo sy ireo Sadoseso, ary ny vahoaka dia nizara. <sup>8</sup> Fa ireo Sadoseo dia niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, tsy misy ireo anjely, ary tsy misy ireo fanahy, nefa ireo Fariseo dia nanaiky an'izy rehetra ireo. <sup>9</sup> Noho izany dia nisy fitabatabana mafy niseho, ary ny sasany tamin'ireo mpanora-dalànan'ireo Fariseo dia nitsangana ary niady hevitra, niteny hoe: "Izahay dia tsy mahita zavatra diso amin'io lehilahy io. Ahoana raha ny fanahy na ny anjely no niresaka taminy?" <sup>10</sup> Nony nisy fifandirana mafy teo, ny kapiteny mpitarika dia natahotra sao dia hifandrotehan'izy ireo i Paoly, noho izany izy dia nandidy ireo miaramila mba hidina sy haka azy an-keriny any amin'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, ary hitondra azy any an-dapa. <sup>11</sup> Ny alina manaraka ny Tompo dia nijoro teo anilany ary niteny hoe: "Aza matahotra, fa toy ny nijoroanao vavolombelona momba ahy tany Jerosalema, no tsy maintsy hijoroanao vavolombelona any Roma ihany koa." <sup>12</sup> Rehefa maraina ny andro, ny Jiosy sasany dia namorona tetika ary nanazona ny tenan'izy ireo miaraka amin'ny fianianana mba tsy hihinana na hisotro na inona na inona ambara-pamonoan'izy ireo an'i Paoly. <sup>13</sup> Mihoatra ny efapolo olona izy ireo izay namorona io tetika io. <sup>14</sup> Izy ireo dia nandeha tany amin'ireo mpisorombe sy ireo loholona ka niteny hoe: "Izahay dia efa nanao fanozonana lehibe tamin'ny tenanay, mba tsy hihinana na inona na inona ambara-pamonoanay an'i Paoly." <sup>15</sup> Ankehitriny, noho izany, avelao ny filan-kevitra hiteny amin'ny kapiteny mpitarika mba hitondra azy hidina eto aminareo, ary ianareo toy ny hoe hanapa-kevitra amin'ny zava-misy momba azy marina kokoa. Fa ho anay, izahay dia vonona ny hamono azy alohan'ny fahatongavany eto." <sup>16</sup> Nefa ny zanaka lahin'ny anabavin'i Paoly dia naheno fa teo am-piandrasana ny hamonoana azy izy ireo, noho izany izy dia nandeha ary niditra ny lapa ka niteny tamin'i Paoly. <sup>17</sup> I Paoly dia niantso ny iray tamin'ireo kapiteny ka niteny hoe: "Ento any amin'ny kapiteny mpitarika ity tovolahy ity, fa manana zavatra lazaina aminy izy." <sup>18</sup> Noho izany ilay kapiteny dia nandray ilay tovolahy ary nitondra azy tany amin'ny kapiteny mpitarika ka niteny hoe: "I Paoly ilay gadra no niantso ahy ho any aminy, ary nangataka ahy mba hitondra ity tovolahy ity ho eto aminao. Manana zavatra ho lazaina aminao izy." <sup>19</sup> Ny kapiteny mpitarika dia naka azy tamin'ny tanana ho any amin'ny toerana mitokana ary nanontany azy hoe: "Inona izany tokony ho lazainao amiko izany?" <sup>20</sup> Ilay tovolahy niteny hoe: "Ireo jiosy dia efa nanaiky ny hangataka aminao mba hitondra an'i Paoly hidina any amin'ny filan-kevitra rahampitso, toy ny hoe izy ireo dia handeha hanontany ny momba azy marina kokoa." <sup>21</sup> Nefa aza manaiky azy ireo, satria nisy olona mihoatra ny efapolo izay efa vonona ny hamono azy. Niantso ozona ho an'ny tenany izy ireo, mba tsy hihinana na hisotro ambara-pamonoan'izy ireo azy. Fa na dia izao aza dia efa vonona izy ireo, miandry fanekena avy any aminao." <sup>22</sup> Ka navelan'ilay kapiteny mpifehy handeha ilay tovolahy, taorian'ny nanoroany azy hoe: "Aza miteny na amin'iza na amin'iza hoe niteny ireo zavatra ireo tamiko ianao." <sup>23</sup> Avy eo izy dia niantso ho eo aminy ny roa tamin'ireo kapiteny ka niteny hoe: "Alaivo ny miaramila roanjato izay vonona ny andeha any Kaisaria, sy mpitaingin-tsoavaly fitopolo ihany koa, ary mpitondra lefona roanjato. Handeha ianao amin'ny ora fahatelon'ny alina." <sup>24</sup> Izy ihany koa dia nandidy azy ireo mba hanome biby izay afaka hotaingenan'i Paoly, ary mba hitondra azy soa aman-tsara any amin'i Feliksa ilay governora. <sup>25</sup> Avy eo dia nanoratra taratasy toy izao izy: <sup>26</sup> "Klaodio Lisia ho an'i Feliksa governora tsara indrindra, arahaba. <sup>27</sup> Io lehilahy io dia nosamborin'ireo Jiosy ary saika novonoin'izy ireo, rehefa tonga teo amin'izy ireo niaraka tamin'ireo miaramila aho dia nanavotra azy, satria nahafantatra aho fa izy dia olom-pirenena Romana. <sup>28</sup> Izaho dia te hahalala ny antony niampangan'izy ireo azy, noho izany dia nentiko nidina tao amin'ny filan-kevitr'izy ireo izy. <sup>29</sup> Nahafantatra aho fa voapanga tamin'ny ady hevitra mikasika ny lalàn'izy ireo manokana izy, nefa tsy nisy fiampangana nanohitra azy izay mendrika fahafatesana na fanagadrana. <sup>30</sup> Avy eo dia nampafantarina ahy fa nisy tetika hanoherana ilay lehilahy, noho izany dia nandefa azy teo noho eo tany aminao aho, ary nanafatra ireo mpiampanga azy ihany koa mba hitondra ny fanamelohan'izy ireo azy eo anatrehanao. Veloma." <sup>31</sup> Ka noho izany ireo miaramila dia

nankatò ireo baikon'izy ireo. Nalain'izy ireo i Paoly ary nentiny tamin'ny alina tany Antipatria. <sup>32</sup> Ny ampitso, ny ankamaroan'ireo miaramila dia nandao ireo mpitaingin-tsoavaly mba handeha hiaraka aminy fa izy ireo dia niverina tany an-dapa. <sup>33</sup> Rehefa tonga tany Kaisaria ireo mpitaingin-tsoavaly ka nanolotra ny taratasy ho an'ny governora, dia nanolotra an'i Paoly taminy ihany koa. <sup>34</sup> Rehefa namaky ny taratasy ny governora, dia nanontany ny faritany izay niavian' i Paoly izy. Rehefa fantany fa avy any Kilikia izy, <sup>35</sup> dia niteny hoe: "Izaho dia haheno tanteraka anao rehefa tonga eto ireo mpiampanga anao." Dia nasainy notazomina tao ao amin'ireo foiben'ny fanjakan'i Heroda izy.

### Acts 23:1

#### Fampifandraisana amin'ny foto-kevitra

Paoly dia mijoro eo anoloan'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra.

#### izaho dia efa niaina teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny fieritreretana tsara rehetra mandraka androany

"Fantatro fa na dia hatramin'izao andro izao aza aho dia nanao izay tian'Andriamanitra ho ataoko"

#### rindrina voalalotra fotsy

DH: "rindrina miloko fotsy"

#### Ianao ve dia mipetraka hitsara ahy amin'ny lalàna, nefa mandidy ahy mba ho kapohina, tsy araka ny lalàna?

Nametraka io fanontaniana io i Paoly mba hanondroana ny fihatsarambelatsihin'i Ananias. DH: "Mipetraka ianao mba hitsara ... manohitra ny lalàna."

#### mandidy ahy mba ho kapohina

DH: "mandidy ny olona hikapoka ahy"

### Acts 23:4

#### Izao ve no fomba hanevatevanareo ny mpisoromben'Andriamanitra?

DH: "Aza manevateva ny mpisoronaben'Andriamanitra!"

#### Fa efa voasoratra

DH: "Fa efa nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna"

### Acts 23:6

#### zanaka lahin'ireo Fariseo

DH: "ary Fariseo ny raiko sy ireo razako"

#### ny fitsanganana'ny maty izay hitsarana ahy

DH: "ireo izay efa maty dia ho velona indray"

#### hitsarana ahy

DH: "ianareo dia hitsara ahy"

#### ny vahoaka dia nizara

"nisy fifandirana teo amin'ny samy vahoaka"

#### Fa ireo Sadoseo dia niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, tsy misy ireo anjely, ary tsy misy ireo fanahy, nefa ireo Fariseo

Io dia fanazavana momba ireo Sadoseo sy ireo Fariseo.

### Acts 23:9

#### Noho izany dia nisy fitabatabana mafy niseho

"Dia nanomboka nihoraka mafy izy ireo." Ny teny hoe "noho izany" dia manamarika toe-javatra nitranga izay nitranga noho ny zavatra hafa izay niseho taloha. Amin'ity tranga ity, ny hetsika teo aloha dia ny filazan'i Paoly ny finoany ny fitsanganana amin'ny maty.

#### Ahoana raha ny fanahy na ny anjely no niresaka taminy?

Ireo Fariseo dia manakiana mafy ireo Sadoseo amin'ny filazana fa fanahy sy anjely dia tena misy ary afaka miresaka amin'ny olona. DH: "Angamba nisy fanahy na anjely niteny taminy!"

### Acts 23:11

#### Ny alina

Midika izany fa ny alina taorian'ilay andro nialan'i Paoly teo anoloan'ny filan-kevitra. DH: "Ny alina"

#### hijoroanao vavolombelona any Roma

DH: "hijoro vavolombelona momba ahy any Roma"

### Acts 23:12

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Raha mbola tao am-ponja tao amin'ilay rova i Paoly dia nanao voady ny hamono azy ireo Jiosy tsy mpino.

#### namorona tetika ary nanazona ny tenan'izy ireo

DH: "niangavy an'Andriamanitra mba hanozona azy ireo raha tsy manao izay nampanantenain'izy ireo"

### Acts 23:14

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy efa-polo tamin'ny 23:12.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny "ianareo" manondro ny lohan'ny mpisorona sy ny loholona.

**"Izahay dia efa nanao fanozonana lehibe tamin'ny tenanay, mba tsy hihinana na inona na inona ambara-pamonoanay an'i Paoly**  
Mba hanaovana voady sy hangataka amin'Andriamanitra mba hanozona azy ireo raha tsy manatanteraka ny voadiny izy ireo dia voalaza fa toy ny hoe fanozonana no zavatra entin'izy ireo eo an-tsony. DH: "Nianiana tsy hihinana na inona na inona isika raha tsy efa namono an'i Paoly. Niangavy an'Andriamanitra izahay mba hanozona anay raha tsy manao izay nampanantenainay izahay"

### Acts 23:16

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny "izy" dia manondro ny zanaky ny mpiray tampo. Ny teny "azy" dia manondro ilay kapiteny.

**teo am-piandrasana ny hamonoana azy izy ireo**  
"vonona ny hanafika an'i Paoly izy ireo"

### Acts 23:18

**I Paoly ilay gadra no niantso ahy ho any aminy**  
"I Paoly ilay gadra no niantso ahy hiresaka aminy"

**ilay tovolahy ary nitondra azy tany amin'ny kapiteny mpitarika ka niteny hoe: "I Paoly ilay gadra no niantso ahy ho any aminy, ary nangataka ahy mba hitondra ity tovolahy ity ho eto aminao. Manana zavatra ho lazaina aminao izy."** 19Ny kapiteny mpitarika dia naka azy tamin'ny tanana.  
Koa satria nentin'ny kapitenin-tsambo ilay zandriny ary niantso azy ho tovolahy iray, dia nanolotra ny zanak'anabavin'i Paoly angamba ny 12 ka hatramin'ny 15 taona.

### Acts 23:20

**Ireo jiosy dia efa nanaiky**  
Tsy midika akory izany hoe ny jiosy rehetra, fa ny vondrona rehetra izay teo. DH: "Ny sasany tamin'ireo Jiosy dia nanaiky"

**hitondra an'i Paoly hidina**  
"hitondra an'i Paoly hidina avy any amin'ny rova"

**izy ireo dia handeha hanontany ny momba azy marina kokoa**  
"Te hafantatra bebe kokoa momba ny nataon'i Paoly izy ireo"

**Niantso ozona ho an'ny tenany izy ireo, mba tsy hihinana na hisotro ambara-pamonoan'izy ireo azy**  
"Efa nianiana izy ireo hihinana na hisotro raha tsy efa namono an'i Paoly. Ary nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hanozona azy ireo raha tsy manao izay nampanantenainy izy ireo"

### Acts 23:22

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny hoe "izy" dia manondro ilay kapiteny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
I Feliksa izay nipetraka tany Kaisaria no governora romanina tamin'izany.

### Acts 23:25

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny kapiteny dia nanoratra taratasy ho an'i Feliksa Governora momba ny fisamborana an'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Klaudio Lisia no anaran'ilay kapiteny. Ny governora Feliksa no mpitondra nanerana ny faritra Romanina manontolo.

**"Klaudio Lisia ho an'i Feliksa governora tsara indrindra, arahaba**  
Ity no fampidirana amin'ny fomba ofisialy amin'ilay taratasy. Nanomboka nanondro ny tenany ilay kapiteny. DH: "Izaho Klaudio Lisia dia manoratra ho anao ry Feliksa governora faran'izay tsara. Miarahaba anao "

**Io lehilahy io dia nosamborin'ireo Jiosy**  
Eto ny "Jiosy" dia midika "ny sasany amin'ireo Jiosy". DH: "Ny sasany tamin'ireo Jiosy dia nisambotra ity lehilahy ity"

### Acts 23:28

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Namarana ny taratasiny ho an'Governora Feliksa ilay kapiteny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "Izaho" dia manondro an'i Klaudio Lisia ilay kapiteny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ny vondron'ireo Jiosy izay niampanga an'i Paoly

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "ianao" dia manondro an'i Governora Feliksa

**nefa tsy nisy fiampangana nanohitra azy izay mendrika**  
"fa izy ireo dia niampanga azy tamin'ny fanontaniana momban'ny"

**nefa tsy nisy fiampangana nanohitra azy izay mendrika fahafatesana na fanagadrana**  
"fa tsy nisy na inona na inona nanohitra azy izay hahatonga ny fahefana Romana hamono azy na handefa azy any am-ponja"

**Avy eo dia nampafantarina ahy**  
"Nahafantatra aho avy eo"

## Acts 23:31

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no mamarana ny fotoana nisamborana an'i Paoly tao Jerosalema ary fiatombohan'ny fotoana hisamborana azy ao Kaisaria miaraka amin'i Governora Feliksa.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny Antipatria dia tanàna naorin'i Heroda ho voninahitry ny Rainy, Antipatera. Ao amin'i Israely afovoany izany ankehitriny.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny mpisolo tena tampisaka "-ny" dia manondro an'i Paoly; ary ny "aminy" faharoa dia manondro an'i Governora Feliksa.

### Ka noho izany ireo miaramila dia nankatò ireo baikon'izy ireo

Ny teny hoe: "ka noho izany" dia manamarika tranga izay niseho nohon'ny zavatra hafa izay efa niseho tany aloha. Amin'ity tranga ity, ny zava-niseho teo aloha dia ny fibaikon'ny kapiteny lehibe ireo miaramila manaraka an'i Paoly.

### Nalain'izy ireo i Paoly ary nentiny tamin'ny alina

DH: "Azon'izy ireo i Paoly ka nentin'izy ireo tamin'ny alina"

## Acts 23:34

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny "izy"voalohany sy faharoa dia manondro ny Governora Feliksa, ary ny "izaho" dia manondro an'i Paoly, ny "izy" farany dia manondro an'i Governora Feliksa.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe: "anao"dia manondro an'i Paoly.

### nanontany ny faritany izay niavian' i Paoly izy

DH: "nanontany an'i Paoly izy, 'Avy amin'ny faritany aiza ianao?"

### Rehefa fantany fa avy any Kilikia izy, 35dia niteny hoe:

DH: "Hoy i Paoly hoe: 'Avy any Kilikia aho'. Avy eo dia hoy ny Governora"

### Izaho dia haheno tanteraka anao

"Ho henoiko izay lazainao rehetra"

### nasainy notazomina tao ... izy

DH: "nibaiko ireo miaramila hitazona azy izy"

## Chapter 24

<sup>1</sup> Taorian'ny dimy andro, Ananiasy ilay mpisorona be, ireo loholona sasany, ary mpikabary antsoina hoe Tertylo dia nandeha tany. Ireo lehilahy ireo dia nitondra fiampangana an'i Paoly teo anoloan'ny governora. <sup>2</sup> Rehefa nitsangana teo anoloan'ny governora i Paoly, dia nanomboka niampangana azy i Tertylo ka niteny tamin'ny governora hoe: "Noho ianao dia manana fiadanana lehibe izahay, ary ny fahitanao dia mitondra fanovana tsara eo amin'ny firenenay; <sup>3</sup> koa am-pankasitrahana tanteraka no handraisany ny zavatra rehetra izay ataonao, ry Feliksa tsara indrindra. <sup>4</sup> Mba tsy hitazomako anareo ela loatra, dia mangataka fotoana fohy aminareo aho mba hihaino ahy am-pahatoniana. <sup>5</sup> Fa io lehilahy io dia hitanay fa mpanakorontana ary iray izay nitarika ny Jiosy rehetra manerana izao tontolo izao hikomy. Izy no mpitarika ny sekta Nazareana. <sup>6</sup> Ary izy ihany koa no niezaka ny handoto ny tempoly, ka dia nosamborinay izy. <sup>[1]</sup><sup>7</sup><sup>[2]</sup><sup>8</sup> Rehefa manontany an'i Paoly mikasika ireny zava-drehetra ireny ianao, dia ho fantatrao ny mikasika ireny fiampangana nataonay momba azy ireny." <sup>[3]</sup><sup>9</sup> Ireo Jiosy ihany koa dia nanampy trotraka ireny fiampangana ireny, ary nanamafy fa marina avokoa ireny. <sup>10</sup> Fa rehefa notondroin'ny mpanapaka hiteny i Paoly, dia namaly Paoly hoe: "Fantatro fa ianao dia efa mpitsara teto amin'ity firenena ity nandritry ny taona maro, ka dia faly ny tenako manazava aminao. <sup>11</sup> Ho fantatrao fa tsy mbola nihoatra ny roa ambin'ny folo andro izay no niakarako nidera tany Jerosalema. <sup>12</sup> Rehefa hitan'izy ireo tao an-tempoly aho, dia tsy niady hevitra na tamin'iza na tamin'iza aho, ary tsy namporisika ny vahoaka, na tao amin'ireo synagoga, na tao an-tanàna. <sup>13</sup> Tsy afaka manaporofy aminao ireo fiampangana izay ataony amiko ankehitriny izy ireo. <sup>14</sup> Saingy izaho manaiky izao aminao, araka ny Fampianarana izay antsoin'izy ireo hoe sekta, dia toy izany koa no hanompoko ny Andriamanitry ny razambentsika. Izaho dia mahatoky amin'ny rehetra izay ao amin'ny lalàna sy ireo voasoratr'ireo mpaminany. <sup>15</sup> Manana ny fahatokisana an'Andriamanitra toy ireo olona ireo aho, fa hisy ny fitsanganan'ny marina sy ny ratsy fanahy amin'ny maty. <sup>16</sup> Noho izany aho dia miezaka mandrakariva mba hanana fisainana madio eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olombelona. <sup>17</sup> Ary taorian'ny taona maro dia tonga aho hitondra fanampiana ho an'ny fireneko sy fanomezana ara-bola. <sup>18</sup> Rehefa vitako izany, nisy Jiosy vitsivitsy avy any Asia nahita ahy tany amin'ny fetin'ny fanadiovana tao amin'ny tempoly, tsy niaraka tamin'ny vahoaka na tabataba. <sup>19</sup> Ireo olona ireo dia tokony ho eo anatrehanareo ankehitriny ka hiteny izay hampangana' izy ireo ahy, raha manana zavatra izy ireo. <sup>20</sup> Na koa, ireo olona ireo ihany no tsy tokony hiteny izay hitan'izy ireo tsy mety aty amiko rehefa nitsangana teo anoloan'ny filan-kevitra ny Jiosy aho, <sup>21</sup> raha tsy hoe momba ny zavatra iray izay nihikiako rehefa nijoro teo anivon'izy ireo aho: 'Izany dia mikasika ny fitsanganan'ny maty izay hitsarana ahy eto anatrehanareo androany.' <sup>22</sup> Ary Feliksa, izay nampahafantarina tsara momba ilay Fampianarana. Izy dia niteny hoe: "Rehefa midina avy any Jerosalema i Lysia mpandidy, dia hanapa-kevitra ny amin'ny raharahanao aho." <sup>23</sup> Avy eo izy nandidy ilay kapiteny fa i Paoly dia tokony hambenana, fa mba hisy fahafahana dia tsy hisy amin'ireo namany ho sakanana amin'ny fanampiana izay zavatra ilainy. <sup>24</sup> Andro vitsivitsy taorian'izay, dia niverina niaraka tamin'i Drosila vadiny i Feliksa, izay vehivavy Jiosy, ka nalefa ho an'i Paoly izy ary naheno taminy momba ny finoana ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>25</sup> Fa rehefa niady hevitra niaraka taminy i Paoly momba ny fahamarinana, fahononan-tena, sy ny fitsarana ho avy, dia lasa raiki-tahotra i Feliksa ka niteny hoe: "Mandehana manomboka izao. Fa rehefa manana fahafahana aho aoriana ao, dia handefa ho anao." <sup>26</sup> Nandritr'izany fotoana izany ihany, dia nanantena izy fa hanome vola azy i Paoly, noho izany dia nandefa ho azy matetika izy ary niresaka taminy. <sup>27</sup> Fa rehefa afaka roa taona, dia lasa governora nandimby an'i Feliksa i Porsio Festosy, saingy Feliksa te hahazo sitraka tamin'ireo Jiosy, dia navelany ho hambenana ihany i Paoly.

### Footnotes

24:6 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia nanampy hoe: "Tianay ho tsaraina araka ny lalànan' izy."

24:7 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia ahitana ao amin'ny andininy faha 7 hoe: "Fa Lysia, mpiandraikitra, tonga ary naka azy an-keriny teo an-tanany."

24:8 <sup>[3]</sup>Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia nanampy ao amin'ny tapany voalohany amin'ny andininy faha 8 hoe: "Nandefa anay teo aminao."



**Acts 24:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nosedraina tany Kaisara i Paoly. Natolotr'i Tertylo miaraka amin'ny fiampangana an'i Paoly i Governora Feliksa .

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny mpisolo tena tampisaka hoe: "-nao"dia maneho an'i Feliksa, ilay Governora.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny "-nay"dia manondro ireo mponina eo ambany fitondran'i Feliksa.

**Taorian'ny dimy andro**

Taorian'ny dimy andro"nisamboran'ny miaramila Romana an'i Paoly tao Kaisara"

**mpikabary**

"mpisolovava." Tertylo dia mpahay lalàna Romana izay teo mba hiampanga an'i Paoly ao amin'ny fitsarana.

**nandeha tany**

"nandeha tany Kaisara izay nisy an'i Paoly"

**nitsangana teo anoloan'ny governora**

"teo anatrehan'ny governora izay mpitsara tao amin'ny fitsarana"

**nanomboka niampanga azy**

"nanomboka nandika lalàna manohitra azy" ny governora

**manana fiadanana lehibe izahay**

Ny hoe: "izahay"dia manondro ireo mponina eo ambany fitondran'i Feliksa, manana fiadanam-be"

**ary ny fahitanao dia mitondra fanovana tsara eo amin'ny firenenay**

"ary ny fikasana nataonao dia nanatsara ny firenentsika "

**Feliksa tsara indrindra**

" Governora Feliksa izay mendrika voninahitra lehibe" Feliksa no governora romana amin'ny faritra iray manontolo. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 23: 25

**Acts 24:4****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny "-nay"dia manondro an'i Ananiasy, lohona sasantsasany, ary Tertylo.

**Mba tsy hitazomako anareo ela loatra**

"mba tsy hijanona ela loatra ianareo"

**mangataka fotoana fohy aminareo aho mba hihaino ahy am-pitoniana**

"hihaino ahy am-pitoniana ny kabary fohy ataoko"

**io lehilahy io dia hitanay fa mpanakorontana**

Paoly eto dia oharina amin'ny hoe areti-mandringana miparitaka avy amin'ny olona iray mifindra amin'ny olona iray. DH: "io lehilahy io dia mpanakorontana"

**ny Jiosy rehetra manerana izao tontolo izao**

Ny hoe: "rehetra" dia ampiasaina mba hanamafisana ny fiampangana an'i Paoly. DH: "Jiosy maro manerana an'izao tontolo izao"

**Izy no mpitarika ny sekta Nazareana**

Ny "sekta Nazareana" dia anarana hafa hilazana ny Kristiana. DH: "Izy ihany koa dia mitarika ny vondrona rehetra izay antsoin'ny olona hoe mpanara-dia Nazareana"

**sekta**

Vondron'olona vitsy. Tertylo dia manao ny Kristiana ho vondrona kely ao anatin'ny Jodaisma.

**Acts 24:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mamarana ny fanolorana ny fiampangana an'i Paoly eo anoloan'ny Governora Feliksa i Tertylo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny "fantatrao" dia manondro ny Governora Feliksa.

**niampanga azy amin'ny**

"niampanga azy amin'izay ataony" na "niampanga an'i Paoly ho meloka tamin'ny nataony"

**Acts 24:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny valintenin'i Paoly amin'ny Governora Feliksa momba ny fiampangana azy

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny hoe: "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy izay miampanga an'i Paoly.

**mpitsara teto amin'ity firenena ity**

Ny "firenena"eto dia maneho ny olona rehetra ao amin'ny firenena Jiosy. DH: "mpitsara ny olona ao amin'ny firenena Jiosy"

**Ho fantatrao**

"Afaka manaporofa ianao"

**ary tsy namporisika ny vahoaka**

"Tsy nandrangitra ny vahoaka aho"

**ireo fiampangana**

"fitenenan-dratsy amin'ny fanaovana ratsy" na "ireo fanamelohana"

**Acts 24:14****izaho manaiky izao aminao**

"ampahafantariko anao izao" na "izaho manambara izao aminao"

**araka ny Fampianarana**

"ny Fampianarana" dia nampiasaina amin'ny maha-Kristiana tamin'ny andron'i Paoly.

**dia toy izany koa no hanompoko ny Andriamanitry ny razambentsika**

Paoly dia mampiasa ny fehezanteny "toy izany koa" mba hilazana fa amin'ny maha-mpino an'i Jesosy azy, dia manompo an'Andriamanitra tahaka ny razambe izy. Tsy mpitarika "sekta" izy na mampianatra zavatra vaovao izay mifanohitra amin'ny finoana taloha.

**ny fitsanganan'ny marina sy ny ratsy fanahy amin'ny maty**

DH: "rehefa hampitsangana ny maty rehetra Andriamanitra, ny marina sy ny tsy marina"

**Acts 24:17****fetin'ny fanadiovana tao amin'ny tempoly**

"tao an-tempoly taorian'ny nahavitako ny fankalazana ny fanadiovana ny tenako"

**tsy niaraka tamin'ny vahoaka na tabataba**

DH: "tsy nanangona vahoaka na nitarika korontana"

**raha manana zavatra izy ireo**

"raha manana ho lazaina izy ireo"

**Acts 24:20****ireo olona ireo ihany**

Manondro an'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra izay tao amin'ny fitsarana an'i Paoly tao Jerosalema.

**hiteny izay hitan'izy ireo tsy mety aty amiko**

"hiteny izay zavatra diso nataoko izay afaka porofoin'izy ireo"

**Izany dia mikasika ny fitsanganan'ny maty**

DH: "Izany dia nohon'ny finoako fa Andriamanitra dia hampitsangana ny maty rehetra"

**Acts 24:22****Rehefa midina avy any Jerosalema i Lysia**

"tamin'ny fotoana nidinan'i Lysia"

**hanapa-kevitra ny amin'ny raharahanao aho**

"Hanapa-kevitra momba ny fiampangana anao aho" na "Hotsaraiko ianao na meloka na tsia"

**Acts 24:24****lasa raiki-tahotra i Feliksa**

Nahatsiaro ho meloka tamin'ireo otany i Feliksa.

**Acts 24:26****nanantena izy fa hanome vola azy i Paoly**

Feliksa dia nanantena fa hanome vola azy i Paoly mba hanafaka azy.

**saingy Feliksa te hahazo sitraka tamin'ireo Jiosy**

"tiany ho tia azy ireo mpitarika Jiosy"

**dia navelany ho hambenana ihany i Paoly**

"navelany tany am-ponja i Paoly"

## Chapter 25

<sup>1</sup> Ankehitriny, Festony niditra tao amin'ny faritany, ary telo andro taty aoriana, dia niakatra avy tao Kaisaria izy ho any Jerosalema. <sup>2</sup> Ny lohan'ny mpisorona sy ireo Jiosy manan-kaja dia nitondra fanamelohana hampangana an'i Paoly, ka namporisika azy <sup>3</sup> sy nangataka taminy izy ireo mba hampididoza an'i Paoly\_ ka mety hampiantso an'i Paoly ho any Jerosalema Festosy mba afahan'izy ireo mamono azy eny an-dalana. <sup>4</sup> Kanefa Festosy namaly fa gadra ao Kaisaria Paoly, ary izy tenany dia hiverina any tsy ho ela. <sup>5</sup> "Noho izany, ireo izay afaka," hoy izy: "dia tokony handeha hiaraka aminay ho any. Raha nanao zavatra tsy nety ilay lehilahy, dia tokony hampanga azy ianareo." <sup>6</sup> Festosy dia tsy nijanona nihoatry ny valo na folo andro ary avy eo nidina nankany Kaisaria, ary ny andro manaraka dia nipetraka teo amin'ny toeran'ny fitsarana izy ary nandidy an'i Paoly mba ho entina any aminy. <sup>7</sup> Rehefa tonga izy, dia nipetraka teo akaiky teo ireo Jiosy avy any Jerosalema, ary nitondra fiampangana goavana maro izy ireo izay tsy afaka nopofoin'izy ireo. <sup>8</sup> Niara-tena Paoly ary niteny hoe: "Tsy nanao zavatra ratsy manohitra ny lalàn'ny Jiosy aho na manohitra ny tempoly na manohitra an'i Kaisara." <sup>9</sup> Saingy nitady izay ahazoana ny fankasitrakan'ireo Jiosy i Festosy, ary noho izany dia namaly an'i Paoly izy ka niteny hoe: "Te-hiakatra ho any Jerosalema ve ianao ary ho tsaraiko momba ireny zavatra tany ireny?" <sup>10</sup> Hoy Paoly hoe: "Mitsangana eto anoloan'ny seza fitsaran'i Kaisara aho izay tsy maintsy hitsarana ahy. Tsy nanao ratsy ny Jiosy aho, araka ny efa fantatrao tsara. <sup>11</sup> Kanefa raha nanao ratsy aho ary raha nanao izay mendrika ny fahafatesana, dia tsy mandà ny ho faty. Fa raha tsy misy ireo fiampangana'izy ireo, dia tsy misy olona afaka mitondra ahy ho any amin'izy ireo. Mangataka an'i Kaisara aho." <sup>12</sup> Rehefa avy niresaka tamin'ny filankevitra Festosy, dia namaly izy hoe: "Nanagataka an'i Kaisara ianao. Any amin'i Kaisara no handehananao. <sup>13</sup> Ary taorian'ny andro vitsivitsy, dia tonga tany amin'i Kaisaria i Agripa mpanjaka sy Berenika mba hamangy an'i Festosy. <sup>14</sup> Taorian'ny naha tao azy nandritry ny andro maro, dia natolotr'i Festosy teo amin'ny mpanjaka ny raharahan'i Paoly; niteny izy hoe: "Nisy lehilahy iray navelan'i Felix aty toy ny gadra. <sup>15</sup> Rehefa tany Jerosalema aho, dia nitondra fiampangana ity lehilahy ity taty amiko ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholon'ny Jiosy, ary nangataka teny fanamelohana ho azy izy ireo. <sup>16</sup> Namaly azy ireo aho fa tsy fomban'ireo Romana ny manolotra olona mialohan'ny hiatrehany ireo mpiampangana azy sy hananany fahafahana hiaro-tena amin'ireo fiampangana. <sup>17</sup> Noho izany, rehefa niara-tonga teto izy ireo, dia tsy niandry aho, fa ny andro manaraka dia nipetraka teo amin'ny sezan'ny fitsarana aho ary nibaiko ny ampidirana ilay lehilahy. <sup>18</sup> Rehefa nitsangana ireo mpiampangana ka nanameloka azy, dia noheveriko fa tsy nisy goavana ny fampiangana nentin'izy ireo ho azy. <sup>19</sup> Fa kosa, nifamaly izy ireo mahakasika ny fivavahan'izy ireo manokana sy momba izany Jesosy izay maty izany, izay nambaran'i Paoly fa velona. <sup>20</sup> Tsy azoko antoka ny fomba hanadihadiana ity tranga ity, ary noho izany dia nanontaniako izy raha vonona ny ho any Jerosalema mba ho tsaraina any momba ireo fiampangana ireo. <sup>21</sup> Fa rehefa nangataka ny hijanonana ao am-ponja mba hiandry ny fanapahan-kevitra ny Amperora i Paoly, dia nandidy azy aho mba ho tazomina ao am-ponja izy mandra-pandefasako azy any amin'i Kaisara." <sup>22</sup> Agripa niresaka tamin'i Festosy hoe: "Te-handre ity lehilahy ity ihany koa aho." "Rahampitso," hoy Festosy: "Handre azy ianao." <sup>23</sup> Ka ny andro manaraka, dia tonga niaraka tamin'ny lanonana marobe Agripa sy Berenika; nankao amin'ny efitrano lehibe niaraka tamin'ireo miaramila mpifehy sy ireo lehilahy manan-kaja teo amin'ny tanàna izy ireo. Rehefa niteny ilay didy Festosy, dia nentin'izy ireo Paoly. <sup>24</sup> Hoy Festosy hoe: "Agripa mpanjaka, sy ianareo lehilahy rehetra izay miaraka aminay eto, itanareo ity lehilahy ity; ireo vahoakan'ny Jiosy rehetra nifanaraka tamiko tany Jerosalema sy eto ihany koa, dia nitaraina tamiko izy ireo fa tsy tokony ho velona intsony izy. <sup>25</sup> Fantatro fa tsy nanao na inona na inona mendrika ny fahafatesana izy; fa satria nangataka ny Amperora izy, dia nanapa-kevitra aho ny handefa azy. <sup>26</sup> Saingy tsy misy zavatra manan-danja ho soratako any amin'ny Amperora. Noho izany antony izany, dia nentiko teo aminareo izy, indrindra aminao, Agripa Mpanjaka, mba afahako manana zavatra ho sorotana bebe kokoa momba ilay raharaha. <sup>27</sup> Satria toa tsy mety amiko ny mandefa gadra sy tsy milaza izay hampiangana azy koa.

### Acts 25:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Paoly dia mbola gadra ao Kaisaria.

**mba afahan'izy ireo mamono azy eny an-dalana**  
Hanafika an'i Paoly izy ireo

### Acts 25:4

**Kanefa Festosy namaly fa gadra ao Kaisaria Paoly, ary izy tenany dia hiverina any tsy ho ela**  
DH: "Fa Festosy niteny hoe: "Paoly dia gadra ao Kaisara , ary izaho dia hiverina tsy ho ela"

**dia tokony hiampanga azy ianareo**

"dia tokony hiampanga azy amin'ny fandikana lalàna ianareo" na "tokony hitondra fanamelohana azy ianareo"

### Acts 25:6

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny "izy ireo" dia manondro ireo Jiosy izay avy any Jerosalema.

**nipetraka teo amin'ny toeran'ny fitsarana**

Ny hoe : "nipetraka teo amin'ny toeran'ny fitsarana" dia manondro fanapahana'i Festosy amin'ny maha-mpitsara an'i Paoly azy. DH: "nipetraka ho toy ny mpitsara"

**nandidy an'i Paoly mba ho entina any aminy**

DH: "ireo miaramilany no nitondra an'i Paoly ho any aminy"

**Rehefa tonga izy**

"Rehefa tonga izy dia nitsangana teo anatrehan'i Festosy"

**manohitra ny tempoly**

DH: "manohitra ny lalàna mifehy ny fidirana ao an-tempoly"

### Acts 25:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nangataka mba ho tsaraina eo anoloan'i Kaisara.

**nitady izay ahazoana ny fankasitrakan'ireo Jiosy**

Eto ny hoe: "ireo Jiosy" dia midika hoe mpitarika Jiosy. DH: "te-hampifaly ireo mpitarika Jiosy"

**ho tsaraiko momba ireny zavatra tany ireny**

DH: "ho tsaraiko amin'ireo fiampangana ireo ianao"

**Mitsangana eto anoloan'ny seza fitsaran'i Kaisara aho izay tsy maintsy hitsarana ahy**

Ny "seza fitsarana" dia manondro ny fahefan'i Kaisara hitsara an'i Paoly. DH: "Mangataka ho eo anatrehan'i Kaisara aho, mba hahafahany mitsara ahy"

### Acts 25:11

**Kanefa raha nanao ratsy aho ... dia tsy misy olona afaka mitondra ahy ho any amin'izy ireo.**

Raha meloka i Paoly, dia hanaiky ny fanasaziana izy, kanefa fantany fa tsy meloka izy.

**raha nanao izay mendrika ny fahafatesana**

"raha nanao izay diso ka mendrika fahafatesana aho"

**Fa raha tsy misy ireo fiampangan'izy ireo**

"raha tsy marina ny fiampangana ahy"

**tsy misy olona afaka mitondra ahy ho any amin'izy ireo**

Ireo mety ho dikany 1) Festosy dia tsy manana fahefana ara-dalana hitondra an'i Paoly eo amin'ireo mpitory sandoka

**tamin'ny filan-kevitra**

DH: "tamin'ny mpanolo-tsainany"

### Acts 25:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Festosy manazava ny mombamomba an'i Paoly amin'ny Mpanjaka Agripa.

**Nisy lehilahy iray navelan'i Felix aty toy ny gadra**

DH: "Rehefa namela ny biraony i Feliksa, dia namela ilay lehilahy ho gadra ao"

**nangataka teny fanamelohana ho azy izy ireo**

DH: "nangataka izy ireo mba ho helohina ho faty izy"

### Acts 25:17

**Noho izany**

Io teny io dia manamarika ilay fanambarana noho izay voalaza teo aloha. Festosy dia miteny fa ny olona voaheloka dia tokony ho afaka mifanatrika amin'ny mpiampanga azy ary miaro ny tenany.

**mahakasika ny fivavahan'izy ireo manokana**

Eto ny "fivavahana" dia midika ny rafitry ny finoan'ny olona manoloana ny fiainana sy ny hery tsy voajanahary

### Acts 25:21

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Festosy dia mamarana ny fanazavana ny mombamomba an'i Paoly amin'ny Mpanjaka Agripa.

**Fa rehefa nangataka ny hijanonana ao am-ponja mba hiandry ny fanapahan-kevitra ny Amperora i Paoly**

DH: "Fa rehefa nisisika ny hijanona eo ambany fiambesan'ireo Romana i Paoly mba hanapahan'ny emperora hevitra ny momba azy"

### Acts 25:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Festosy dia mbola nanome fampahafantarana momba an'i Paoly tamin'ny Mpanjaka Agripa.

**efitrano lehibe**

Toerana lehibe izay hiangonan'ny olona amin'ny fankalazana, fitsarana, ary seho hafa.

**dia nibedy ahy izy ireo**

"dia niteny mafy ahy izy ireo"

**fa tsy tokony ho velona intsony izy**

"tokony ho faty avy hatrany aho"

**Acts 25:25**

**fa satria nangataka ny Amperora izy**  
"satria nangataka tamin'ny amperora izy mba  
hitsara ahy"

---

**izay hiampangana azy**

Ireo mety ho dikany: 1) ireo fiampangana manohitra  
azy izay nentin'ireo Mpitarika Jiosy

## Chapter 26

<sup>1</sup> Noho izany Agripa niteny tamin'i Paoly hoe: "Afaka miteny ho an'ny tenanao ianao." Dia naninjitra ny tanany Paoly ary nanao ny fiarovan-tenany. <sup>2</sup> "Maneho ny tenako toy ny faly aho, ry Agripa mpanjaka, mba hitondra ny zavatra mahazo ahy eto anoloanao androany manohitra ireo fiampangan'ireo Jiosy rehetra; <sup>3</sup> indrindra, satria ianao efa matihanina amin'ny fomba amam-panao sy fanontaniana'ny Jiosy rehetra. Noho izany dia mangataka anao aho hihaino ahy am-paharetana. <sup>4</sup> Marina fa, ireo Jiosy rehetra dia mahafantatra ny fomba fiainako hatramin'ny fahatanorako tany amin'ny fireneko manokana sy tao Jerosalema. <sup>5</sup> Izy ireo dia nahafantatra ahy hatrany am-boalohany ary tokony hanaiky izy ireo fa Fariseo fiaina aho, ny hentitra indrindra amin'ny antokon'ny fivavahantsika. <sup>6</sup> Ary mijoro eto aho mba ho tsaraina satria mitady ny fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'ireo razantsika aho. <sup>7</sup> Fa ity no fampanantenana nantenain'ny fokontsika roambinifolo ho raisina raha nanompo an'Andriamanitra andro aman'alina tokoa izy ireo. Ho an'izany fanantenana izany, ry Agripa mpanjaka, no hiampangan'ireo Jiosy ahy. <sup>8</sup> Nahoana ianareo no mihevitra fa tsy azo inoana fa manangana ny maty Andriamanitra? <sup>9</sup> Nisy fotoana aho nihevitra tamin'ny tenako fa tokony hanao zavatra maro manohitra ny anaran'i Jesosy avy any Nazareta aho. <sup>10</sup> Nanao izany tany Jerosalema aho. Nanidy maro tamin'ireo mpino tany am-ponja tamin'ny fahefana noraisiko avy tamin'ireo lohan'ny mpisorona aho, ary rehefa voavono izy ireo, dia nandatsaka ny vatoko hanohitra azy ireo aho. <sup>11</sup> Nosaziako imbetsaka izy ireo tany amin'ireo synagoga rehetra ary niezaka ny hanery azy ireo mba hiteny ratsy aho. Tezitra mafy tamin'izy ireo aho ary nanenjika azy ireo na dia tany amin'ireo tanàna any ivelany aza. <sup>12</sup> Raha mbola nanao izany aho, dia nandeha tany Damaskosy niaraka tamin'ny fahefana sy ireo didy avy amin'ireo lohan'ny mpisorona; <sup>13</sup> ary teny andalana nankany, tamin'ny mitataovovonana, ry Mpanjaka, dia nahita hazavana avy eny an-danitra aho izay mamiratra noho ny masoandro ary izany dia namiratra nanodidina ahy sy ireo lehilahy izay niara-dia tamiko. <sup>14</sup> Rehefa nianjera tamin'ny tany izahay rehetra, dia nahare feo niresaka tamiko aho izay niteny tamin'ny teny Hebreo hoe: 'Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? Sarotra ho anao ny handaka fanindronana.' <sup>15</sup> Avy eo niteny aho hoe: 'Iza ianao, Tompo ve?' Ny Tompo namaly hoe: 'Izaho no Jesosy izay enjehinao. <sup>16</sup> Ankehitriny miarena ary mitsangana amin'ny tongotra; satria noho izao antony izao no nisehoako taminao, mba hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona mahakasika ireo zavatra izay fantatrao momba Ahy ankehitriny ary ireo zavatra izay hasehoako anao ao aoriana kely; <sup>17</sup> ary hanavotra anao ao amin'ny vahoaka sy ireo Jentilisa izay hanirahako anao aho, <sup>18</sup> mba hanokatra ny mason'izy ireo ary hampitodika azy ireo hiala amin'ny haizina hankany amin'ny fahazavana ary amin'ny herin'ny Satana hankany amin'Andriamanitra, mba hafahan'izy ireo mandray avy amin'Andriamanitra ny famelan-keloky ny fahotana sy ny lova izay omeko azy ireo izay nohamasinina tamin'ny finoana Ahy.' <sup>19</sup> Noho izany, ry Agripa mpanjaka, nankatoa ny fahitana avy tany an-danitra aho; <sup>20</sup> fa, ny an'ireo izay tany Damaskosy aloha, ary avy eo tany Jerosalema, ary nanerana ny tanin'ny Jodia rehetra, ary koa tamin'ireo Jentilisa, nanome azy ireo ny hafatra aho fa tokony hibe-baka sy hitodika amin'Andriamanitra izy ireo, hanao ny asa mendrika ny fibebahana. <sup>21</sup> Noho izany antony izany no nisamboran'ireo Jiosy ahy tao an-tempoly sy niezaka hamono ahy. <sup>22</sup> Nanampy ahy hatramin'izao Andriamanitra, noho izany dia mitsangana aho ary mijoro vavolombelona amin'ny olon-tsotra sy amin'ireo manan-kaja tsy hilaza na inona na inona mihoatra izay nolazain'ireo mpaninany sy Mosesy fa hitranga; <sup>23</sup> fa tsy maintsy hijaly Kristy, ary Izy no ho voalohany hitsangana amin'ireo maty mba hitsangana sy hitory fahazavana ho an'ireo vahoaka Jiosy sy ireo Jentilisa." <sup>24</sup> Raha vitan'i Paoly ny fiarovan-tenany, dia niteny tamin'ny feo mafy Festosy hoe: "Paoly, very saina ianao; ny fianaranao be loatra no nahatonga anao ho very saina." <sup>25</sup> Fa hoy Paoly hoe: "Tsy very saina aho, ry Festosy tsara indrindra; fa amin'ny fahasahiana aho miteny tenin'ny fahamarinana sy fahamatorana. <sup>26</sup> Fa ny mpanjaka mahafantatra momba izany zavatra izany; ary noho izany, miteny an-kalalahana aminy aho, fa resy lahatra fa tsy nisy tamin'izany nafenina taminy; satria tsy natao tany amin'ny takona izany. <sup>27</sup> Mino ny mpaminany ve ianao, ry Agripa mpanjaka? Fantatro fa mino ianao." <sup>28</sup> Agripa niteny tamin'i Paoly hoe: "Ao anatin'ny fotoana fohy ve no handresena lahatra ahy sy hanaovanao ahy ho kristiana?" <sup>29</sup> Hoy Paoly hoe: "Mivavaka amin'Andriamanitra aho, mba na ho ao anatin'ny fotoana fohy na fotoana lava, tsy ianao ihany, fa ireo rehetra izay mandre ahy androany ihany koa, dia hitovy amiko, fa tsy miaraka an'ireny rojo ireny." <sup>30</sup> Avy eo nitsangana ny mpanjaka, sy ny governora, sy Berenika ihany koa, ary ireo izay nipetraka niaraka tamin'izy ireo; <sup>31</sup> rehefa nandao ny trano fivoriana izy ireo, dia nifampiresaka ary niteny hoe: "Ity lehilahy ity tsy manao zavatra mendrika ny fahafatesana na famatorana." <sup>32</sup> Hoy Agripa tamin'i Festosy hoe: "Ity lehilahy ity dia afaka nalefa raha tsy nantsoina tany amin'i Kaisara izy."

**Acts 26:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nentin'i Festo teo anatrehan'ny Mpanjaka Agripa i Paoly. Ao amin'ny andininy faha-2 i Paoly dia niaro ny tenany teo anatrehan'ny mpanjaka Agripa.

**Agripa**

Agripa no mpanjaka tao Palestina tamin'izany, na izany aza izy dia nanjaka teo amin'ny faritra vitsivitsy ihany.

**naninjitra ny tanany**

"nanao fihetsika tamin'ny tanany teo anoloan'ny vahoaka mba hisarihana ny mason'izy ireo"

**nanao ny fiarovan-tenany**

DH: "nanomboka niaro ny tenany teo anatrehan'ireo izay niapanga azy izy"

**"Maneho ny tenako toy ny faly aho**

Tena faly i Paoly satria nanararaotra ny fijoroany teo anatrehan'i Agripa mba hiresahana momban'ny filazantsara.

**Acts 26:4****ireo Jiosy rehetra dia mahafantatra ny fomba fiainako hatramin'ny fahatanorako tany amin'ny fireneko manokana sy tao Jerosalema**

Ireo mety ho dikany 1) Ireo Fariseo izay niara niha lehibe tamin'i Paoly sy ireo izay nahafantatra azy amin'ny maha Fariseo azy na 2) I Paoly dia nalaza teo anivon'ireo Jiosy nohon'ny zotom-pony amin'ny maha Fariseo azy ary ankehitriny amin'ny maha mpino azy.

**tany amin'ny fireneko manokana**

Ireo mety ho dikany 1) teo anivon'ireo olony manokana fa tsy voatery hoe ny tanon'Israely na 2)tao amin'ny tanin'Israely.

**hentitra indrindra amin'ny antokon'ny fivavahantsika.**

"vondrona iray ao amin'ny Jodaisma izay miaina amin'ny fitsipika henjana"

**Acts 26:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny "ianareo" eto dia manondro ireo olona izay nihaino an'i Paoly.

**mitady ny fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'ireo razantsika aho**

Izany dia miresaka momba ny fampanantenana toy ny hoe zavatra iray azo tadiavana sy jerena. DH: "Miandry fatratra an'Andriamanitra aho mba hanao izay nampanantenainy ny razambentsika fa ho ataony"

**Fa ity no fampanantenana nantenain'ny fokontsika roambinifolo ho raisina**

Ny fehezanteny hoe "ny foko roa ambin'ny folontsika" dia ny olona ao amin'ireo foko ireo. DH: "Izany koa no nandrasan'ireo Jiosy mpiray foko amintsika tany amin'ny foko roa ambin'ny folo"

**nanompo an'Andriamanitra andro aman'alina tokoa izy ireo**

Tsy nitsahatra nanompo an'Andriamanitra na andro na alina.

**Nahoana ianareo no mihevitra fa tsy azo inoana fa manangana ny maty Andriamanitra?**

Nametraka io fanontaniana io i Paoly mba hanoherana ireo Jiosy nanatrika teo. Mino izy ireo fa afaka manangana ny maty Andriamanitra saingy tsy nihevitra ny hamelona an'i Jesosy ho velona indray . DH: "ianareo dia tsy tokony hieritreritra fa mahavariana ny fananganan'Andriamanitra ny maty indray."

**Acts 26:9****Nisy fotoana**

Nampiasa io fehezanteny io i Paoly mba hanamarihana ny fiarovan-tenany. ankehitriny izy dia mitantara ny fomba nanenjahany ireo olomasina.

**manohitra ny anaran'i Jesosy**

Ny teny "anarana"dia midika ny tenan'i Jesosy. DH: "hanajanona ny olona tsy hihaino an'i Jesosy"

**ary rehefa voavono izy ireo, dia nandatsaka ny vatoko hanohitra azy ireo aho**

DH: "ary nifanaraka tamin'ireo mpitondra jiosy hafa aho mba hanameloka ireo mpino ho faty"

**Acts 26:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Raha mbola teo ampiresahana tamin'i Agripa i Paoly dia niresaka momban'ny resany tamin'ny Tompo.

**Raha mbola nanao izany aho**

Nampiasa io fehezanteny io i Paoly mba hanamarihana ny fiarovana azy. Niresaka momba ny fotoana nahitany an'i Jesosy izy ary lasa mpianany.

**tamin'ny fahefana sy ireo didy**

Paoly dia nanoratra taratasy avy amin'ireo mpitarika jiosy, nanome fahefana azy hanenjika ireo mpino jiosy

**nahare feo niresaka tamiko aho izay niteny**

DH: "nahare olona niresaka tamiko aho izay niteny hoe"

**Sarotra ho anao ny handaka fanindronana**

Ho an'i Paoly ny hanohitra an'i Jesosy sy ny fanenjahana ireo mpino, dia toy ny hoe omby izy ka

miondrika eo amin'ilay tsorakazo maranitra izay ampiasain'ny olona hitazomana ilay biby. Midika izany fa manimba ny tenany ihany i Paoly. DH: "Hanimba ny tenanao tahaka ny omby mitaingina aviavy ianao"

### Acts 26:15

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Nanohy nanome ny fiarovan-tenany tamin'i Agripa Mpanjaka i Paoly. Ao amin'ireo andininy ireo dia nanohy nanonona ny resaka nataony tamin'ny Tompo izy.

#### sokafy ny masonareo

Ny fanampiana ny olona hahatakatra ny fahamarinana dia lazaina toy ny hoe olona iray nanampy ara-bakiteny ny olona nanokatra ny masony.

#### hampitodika azy ireo hiala amin'ny haizina hankany amin'ny fahazavana

Ny fanampiana olona iray hanajanona ny fanao ratsiny ary hanomboka hatoky sy hankato an'Andriamanitra dia voalaza fa toy ny hoe mitarika olona iray avy ao amin'ny toerana maizimaizina ho ao amin'ny fitoeran-jiro ny.

#### hampitodika azy ireo hiala amin'ny haizina hankany amin'ny fahazavana ary amin'ny herin'ny Satana hankany amin'Andriamanitra

Ny fanampiana olona iray hanajanona ny fankatoavany an'i Satana ary hanombohana ny fankatoavana an 'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe olona iray no namadika olona iray ary naka azy ireo avy amin'ny toerana iandraiketan'i Satana sy mitondra azy any amin'ilay toerana hanapahan'Andriamanitra.

#### finoana Ahy

"satria izy ireo dia mino Ahy."Eto i Paul no mamarana ny firesahana momba ny Tompo.

### Acts 26:19

#### ny fahitana avy tany an-danitra aho

Izany dia manondro ny zavatra nolazain'ilay olona tao amin'ilay fahitana tamin'i Paoly. DH: "izay nolazain'ilay olona avy any an-danitra tamiko tao anaty fahitana"

#### hitodika amin'Andriamanitra

hanomboka hatoky amin'Andriamanitra dia atao toy ny hoe miverina amin'Andriamanitra ny olona iray. DH: "matokia an'Andriamanitra"

#### hanao ny asa mendrika ny fibebahana

DH: "ary hanomboka manao asa tsara mba hampisehoana fa tena nibebaka marina izy ireo"

### Acts 26:22

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Namarana ny fiaovan'-tenany teo anatrehan'i Agripa mpanjaka i Paoly.

#### izay nolazain'ireo mpaninany

I Paoly dia miresaka momba ireo asa soratra iraisan'ny mpaminanin'ny Testamenta Taloha.7

#### amin'ireo maty

Ny andian-teny hoe "ireo maty" dia manondro ireo fanahin'ny olona efa maty.

#### hitory fahazavana

"hitory ny hafatry ny hazavana." Mba hilazana ny olona ny fomba hamonjen'Andriamanitra ny olona dia toy ny hoe misy olona iray miresaka momban'ny hazavana. DH: "hitory ny hafatra momba ny fomba hamonjen'Andriamanitra ny olona"

### Acts 26:24

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Nanohy niresaka niaraka i Paoly sy Agripa.

#### Tsy very saina aho, ry Festosy tsara indrindra fa

DH: "salama saina aho ... ary"

#### Festosy tsara indrindra

"Festosy, izay mendrika voninahitra ambony indrindra"

#### resy lahatra

DH: "Mahatoky aho"

#### fa tsy nisy tamin'izany nafenina taminy

DH "fa izy no mahafantatra an'izany" na "fantatrareo izany"

#### tany amin'ny takona

Midika izany fa manao zavatra miafina toy ny hoe nandeha ny olona iray ary nanao zavatra teo an-joron-trano iray izay tsy misy olona afaka mahita azy. DH: "amin'ny toerana maizina" na "miafina"

### Acts 26:27

#### Mino ny mpaminany ve ianao, ry Agripa mpanjaka?

Nametraka ity fanontaniana ity i Paoly mba hampahatsiahivana an'i Agripa fa efa ninoan'y ny zavatra nolazain'ireo mpaminany momba an'i Jesosy.DH: "Efa mino ny zavatra nolazain'ny mpaminanin'ny Jiosy, ry Agripa Mpanjaka."

#### Ao anatin'ny fotoana fohy ve no handresenao lahatra ahy sy hanaovanao ahy ho kristiana

Nametraka io fanontaniana io i Agripa mba hampisehoana amin'i Paoly fa tsy afaka mandresy lahatra an'i Agripa izy raha tsy misy porofo hafa.DH: "Azo antoka fa tsy mino ianao fa afaka mandresy lahatra ahy hino an'i Jesosy!"



**fa tsy miaraka an'ireny rojo ireny**

DH: "mazava ho azy, tsy tiako raha ho voafonja tahaka ahy ianareo"

**Acts 26:30**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Eto no mifarana ny fotoana nijoroan'i Paoly teo anatrehan'i Agripa.

**Fampahafantarina amin'ny ankapobeny**

i Bernika dia anabavin'ny mpanjaka Agripa.

**Avy eo nitsangana ny mpanjaka, sy ny governora**

Avy eo nitsangana Agripa mpanjaka, sy ny governora Festosy

**Ity lehilahy ity tsy nanao zavatra mendrika ny fahafatesana na ny ho fatorana**

DH: "Ity lehilahy ity dia tsy mendrika ny ho faty sy ho gadraina"

**Ity lehilahy ity dia afaka nalefa**

DH: "Afaka nafahako ity lehilahy ity" na "ity lehilahy ity dia tokony avotsitra"

## Chapter 27

<sup>1</sup> Rehefa tapaka fa tokony hiantsambo ho any Italia izahay, dia napetrak'izy ireo i Paoly sy ireo gadra hafa ho eo ambanin'ny fiahian'ny kapiteny iray antsoina hoe Jolio izay an'ny rezimantan'ny Amperora. <sup>2</sup> Niditra tanaty sambo iray avy any Adramytena izahay, izay hiondrana manaraka ny sisin-tanin'ny Asia. Ka dia nandeha an-dranomasina izahay. Aristarko avy any Tesalonika any Makedonia dia nandeha niaraka taminay. <sup>3</sup> Ny andro manaraka dia tonga tao amin'ny tanànan'ny Sidona izahay, izay nitondran'i Jolio an'i Paoly tamin'ny hatsaram-panahy ary namela azy handeha ho any amin'ireo namany handray ny fikarakaran'izy ireo. <sup>4</sup> Avy tany izahay no nandeha an-dranomasina ary niantsambo nanaraka ny moron'ny Kyprosy, nanakaiky ny nosy, satria nanohitra anay ny rivotra. <sup>5</sup> Avy eo niantsambo namakivaky ny ranomasina izahay ary nanakaiky ny sisin-tanin'ny Kilikia sy Pamfilia, tonga tao Myra izahay, tananàn'ny Lykia. <sup>6</sup> Tany, ny kapiteny dia nahita sambo iray avy any Aleksandria izay hiantsambo ho any Italia. Napetrany tao amin'izany izahay. <sup>7</sup> Rehefa niantsambo niadana nandritry ny andro maro izahay ary ny farany dia tonga tam-pahasahiranana teo akaikin'ny Kinidio, dia tsy namela anay andeha tamin'izany lalana izany intsony ny rivotra, ka dia niantsambo nanaraka ny ilany takon-drivotry ny Kreta izahay, mifanandrify amin'ny Salmona. <sup>8</sup> Nanara-morona tam-pahasahiranana izahay, nandra-pahatonganay tany amin'ny toerana iray antsoina hoe Tsara-fitodiam-tsambo, izay akaikin'ny tanànan'ny Lasea. <sup>9</sup> Ary nandany fotoana betsaka izahay, efa dila ihany koa ny fotoana fifadian-kanin'ireo Jiosy, ary efa lasa nampidi-doza ny miondrana an-tsambo. Ka dia nampitandrina azy ireo Paoly, <sup>10</sup> ary niteny hoe: "Ry lehilahy, hitako fa ity dia izay ho ataontsika ity dia hisy faharatrana sy fatiantoka maro, tsy ho an'ny entana sy ny sambo ihany, fa ho an'ny aintsika koa." <sup>11</sup> Fa ny kapiteny nanome lanja kokoa ny mpitondra sy ny tompon'ny sambo noho ireo zavatra izay voalazan'i Paoly. <sup>12</sup> Satria ao amin'ny seranana dia tsy mora raha hijanonana mandritry ny ririnina, dia maro tamin'ireo mpiantsambo no nanoro hevitra ny hiondrana hiala teo, fa ndrao mba afaka hihazo ny tanànan'ny Foiniksa amin'ny fomba rehetra izahay, mba hitoetra any mandritry ny ririnina. Foiniksa dia seranana any Kreta, ary manatrika ny mianavaratra-andrefana sy ny mianatsimo-andrefana izany. <sup>13</sup> Rehefa nanomboka nitsoka malefaka ny rivotra avy any atsimo, dia nihevitra ireo tantsambo fa nanana izay nilain'izy ireo. Ka dia nampakatra ny vatofantsika ary niondrana nanaraka an'i Kreta izy ireo, nanakaiky ny moron-dranomasina. <sup>14</sup> Fa afaka fotoana fohy dia nisy tafio-drivotra mahery, nantsoina hoe Eoraklydona, nanomboka namely mafy avy any amin'ny nosy. <sup>15</sup> Rehefa tratry ny tafiotra ny sambo ary tsy afaka nanohitra ny rivotra intsony, dia tsy maintsy nanome lalana ny tafiotra izahay ary nentin'ny rivotra teny rehetra teny. <sup>16</sup> Niantsambo nanaraka ny moron'ny nosy kely iray antsoina hoe Kaoda izahay, ary tamim-pahasahiranana no nahafahanay niaro ny lakana famonjena aina. <sup>17</sup> Rehefa nampiakarin'izy ireo ny lakana famonjena aina, dia nampiasain'izy ireo ny tadin'izany mba matorana ny vatan'ny sambo. Natahotra izy ireo fa tokony handeha ambonin'ny fasika mandrevon'ny Syrtiso, ka dia nalatsak'izy ireo ny vatofantsiky ny ranomasina ary nandeha ho azy teny. <sup>18</sup> Tratan'ny famelezana mahery vaikan'ny tafiotra izahay hany ka ny andro manaraka io dia nanomboka nanary ireo entana tany ivelan'ny sambo izy ireo. <sup>19</sup> Tamin'ny andro fahatelo ireo tantsambo dia nanipy ny entan'ny sambo tany ivelan'ny sambo tamin'ny tanan'izy ireo manokana. <sup>20</sup> Rehefa tsy namiratra taminay nandritry ny andro maro ny masoandro sy ny kintana, ary mbola namely anay ilay tafiotra lehibe, dia very avokoa ny fanantenana ny hahavoavonjy anay. <sup>21</sup> Rehefa lasa lavitra tsy nisy sakafo izy ireo, dia nitsangana teo amin'ireo tantsambo Paoly avy eo ary niteny hoe: "Ry lehilahy, tokony nihaino ahy ianareo, ary tsy niondrana avy tany Kreta, ho tratan'izao faharatrana sy fatiantoka izao. <sup>22</sup> Ankehitriny dia mamporisika anareo aho mba hahery, fa tsy hisy fahaverezan'aina eo anivonareo, fa fahaverezan'ny sambo fotsiny ihany. <sup>23</sup> Fa tamin'ny alina dia nisy anjelin'Andriamanitra izay tompoko, izay tompoiko ihany koa \_ nitsangana teo anilako ny anjelin'ny <sup>24</sup> ary niteny hoe: 'Aza matahotra, ry Paoly. Tsy maintsy hitsangana eo anatrehan'i Kaisara ianao, ary indro, Andriamanitra ao amin'ny hatsaram-panahiny no nanome anao ireo rehetra miantsambo miaraka aminao.' <sup>25</sup> Noho izany mionona, ry lehilahy! Fa mahatoky an'Andriamanitra aho fa hitranga araka izay voalaza tamiko izany. <sup>26</sup> Saingy tsy maintsy hidona amina nosy maromaro isika." <sup>27</sup> Rehefa tonga ny alina faha-efatra ambin'ny folo, raha natoptopa tetsy sy teroa tao amin'ny ranomasin'ny Adrea izahay, tokony ho tamin'ny sasak'alina dia nihevitra ireo tantsambo fa nanakaiky tany izy ireo. <sup>28</sup> Dia naka refin-drano izy ireo ary nahita fa efapolo metatra ny halaliny; taoriana kelin'izany, dia mbola naka refin-drano ihany izy ireo ary nahita fa telopolo metatra ny halaliny. <sup>29</sup> Natahotra izy ireo sao hidona amin'ireo vato izahay, ka dia nandatsaka vatofantsika efatra avy ao aoriana izy ireo ary nivavaka mba hiavian'ny maraina tsy ho ela. <sup>30</sup> Ireo tantsambo dia nitady fomba handaozana ny sambo ary nandatsaka ny lakana famonjena aina tany an-dranomasina, ary nody nandatsaka ny vatofantsika avy teo an-doha-tsambo izy ireo. <sup>31</sup> Fa Paoly niteny tamin'ny kapiteny sy ireo miaramila hoe: "Raha tsy mijanona anaty sambo ireo lehilahy ireo, tsy ho voavonjy ianareo." <sup>32</sup> Avy eo ireo miaramila nanapaka ny tadin'ny

lakana ka dia namela izany ho rendrika. <sup>33</sup> Rehefa nanomboka nihanazava ny andro, dia namporisika azy rehetra Paoly mba haka sakafo maromaro. Hoy izy hoe: "Ity andro ity no andro faha-efatra ambiny folo izay hiandrasanareo ary tsy hinananareo; tsy nihinana na inona na inona ianareo. <sup>34</sup> Noho izany dia namporisika anareo aho mba hizara sakafo, fa ilaina izany mba hahavelona anareo. Fa tsy hisy na iray aminareo izay ho very na dia ny singam-bolon-dohany aza." <sup>35</sup> Rehefa avy niteny izany izy, dia naka mofo ary nisaotra an'Andriamanitra teo imason'ny rehetra. Avy eo izy nizarazara ny mofo ary nanomboka nihinana. <sup>36</sup> Avy eo dia nahery izy rehetra ary naka sakafo ihany koa. <sup>37</sup> Olona 276 izahay no tao anaty sambo. <sup>38</sup> Rehefa nihinana tsara izy ireo, dia nohamaivanin'izy ireo ny sambo tamin'ny nanarian'izy ireo vary tanaty ranomasina. <sup>39</sup> Rehefa tonga ny andro, dia tsy fantatr'izy ireo ilay tany, fa nahita helon-drano anankiray nisy tora-pasika izy ireo, ary nifandinika izy ireo raha afaka hitondra ny sambo teny. <sup>40</sup> Ka dia notapahin'izy ireo ireo vatofantsika ary navelan'izy ireo tany an-dranomasina. Niaraka tamin'izay dia nalatsak'izy ireo ny tady teo amin'ny familiana ary natsangany ny lay ho eo amin'ny rivotra; ary dia niroso nankeo amin'ny tora-pasika izy ireo. <sup>41</sup> Fa tonga teo amin'ny toerana iray izay nisy ranomasina nifanapaka izy ireo, ka nidona tamin'ny tany ny sambo. Ary ny loha-sambo dia niraikitra teo ary nijanona tsy afa-nihetsika, fa ny vodi-sambo kosa nanomboka vaky nohon'ny hahery vaikan'ny onja. <sup>42</sup> Ny tetik'ireo miaramila dia ny hamono ireo gadra mba tsy hisy amin'izy ireo ho afaka andeha hilomano ka hitsoaka. <sup>43</sup> Fa ilay kapiteny te-hamonjy an'i Paoly, ka dia najanony ny tetik'izy ireo; ary nomeny baiko ireo mahay milomano mba hilatsaka ivelan'ny sambo aloha ary ho eny an-tanety. <sup>44</sup> Avy eo tokony hanaraka ny ambin'ireo lehilahy, ny sasany ambony hazo fisaka, ary ny sasany ambony zavatra hafa avy tao amin'ny sambo. Toy izany no nitranga ka ny rehetra taminay dia tonga soa aman-tsara teny an-tanety.

## Acts 27:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Raha mbola gadra iny i Paoly dia nanomboka ny diany ho any Roma.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ny teny hoe "isika" dia ahitana an'i Lioka mpanoratra ny Asan'ny Apostoly, sy i Paoly ary ireo hafa niaraka tamin'i Paoly.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Adramytena dia tanàn-dehibe iray any amin'ny morontsiraka andrefan'ny Torkia maoderina.

### Rehefa tapaka fa

DH: "rehefa nanapa-kevitra ny governora"

### hiantsambo ho any Italia

Italia no renivohitra i Roma.

**napetrak'izy ireo i Paoly sy ireo gadra hafa ho eo ambanin'ny fiahian'ny kapiteny iray antsoina hoe Jolio izay an'ny rezimantan'ny Amperora.**

""ireo miaramila romanina dia nametraka kapiteny nantsoina hoe Jolio, avy amin'ny Governemanta Aogosta, niandraikitra an'i Paoly sy ireo voafonja hafa"

### Aristarko

Tonga avy any Makedonia i Aristarko, saingy niarania tamin'i Paoly tany Efesosy.

## Acts 27:3

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny "isika" dia manondro an'i Paoly, Lioka ary ireo izay niara-dia tamin'izy ireo.

### izay nitondran'i Jolio an'i Paoly tamin'ny hatsaram-panahy

Niahy an'i Paoly tsara i Jolio.

### Pamfilia

Io dia faritany tany Azia Minora.

## Acts 27:7

### Rehefa niantsambo niadana nandritry ny andro maro izahay ary ny farany dia tonga tam-pahasahiranana

Azonao atao ny manazava fa ny antony nandehanan'izy ireo mora dia noho ny rivotra nitsoka nanohitra azy ireo.

### tsy namela anay andeha tamin'izany lalana izany intsony ny rivotra

"tsy afaka nanohy ny dianay intsony izahay noho ny rivotra mahery"

### mifanandrify amin'ny Salmona

Io dia tanàna amoron-dranomasina any Kreta.

### Nanara-morona tamin-pahasahiranana izahay

Azonao atao ny milaza mazava fa na dia tsy matanjaka toy ny teo aloha aza ny rivotra, dia mbola matanjaka izy ireo ka nanano sarotra ny fandehanaana sambo.

## Acts 27:9

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Eto ny teny hoe "izahay" sy "anay" dia maneho an'i Paoly sy ny rehetra tao amin'ilay sambo.

### Ary nandany fotoana betsaka izahay

Noho ny fitarainana fitsokin'ny rivotra, ny dianay avy tany Kaisaria mankany amin'ilay seranam-

tsambo dia naharitra fotoana maro tsy araka ny niheverana azy.

**ny fotoana fifadian-kanin'ireo Jiosy, ary efa lasa nampididoza ny miondrana an-tsambo**  
Io fifadian-kanina io dia natao tamin'ny Andro Fandrakofam-pahotana, izay matetika atao isaky ny faran'ny Septambra na ny ampahany voalohan'ny volana oktobra araka ny kalandrie tandrefana. Aorian'io fotoana io dia ahiana ny fisian'ny oram-baaratra.

**hitako fa ity dia izay ho ataontsika ity dia hisy faharatrana sy fahaverezana maro**  
"raha mandeha izao isika dia hijaly mafy sy ho very"

### Acts 27:12

**Satria ao amin'ny seranana dia tsy mora raha hijanonana mandritry ny ririnina**  
DH: "Azonao atao ny manambara mazava ny antony maha sarotra ny fijanonana ao amin'ny seranana. DH: "ny seranana dia tsy niaro tanteraka ireo sambo miantsona eo nandritra ny ririnina"

**'ny seranana**  
toerana iray manakaiky tany izay tsy azo antoka ho an'ny sambo

**manatrika ny mianavaratra-andrefana sy ny mianatsimo-andrefana izany**  
Midika izany fa ny tanàna dia miatrika ny fitsokan'ny rivotra. Ka dia namely ny tanàna ny rivotra avy any avaratra sy andrefana.

### Acts 27:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nifanandrina tamin'ny oram-baratra mahery i Paoly sy ireo nandeha an-tsambo.

**nanomboka namely mafy avy any amin'ny nos**  
"Nivoaka avy any ampitan'ny nosy Kreta ary nitsoka mafy tamin'ny sambonay"

**antsambo nanaraka ny moron'ny**  
"nandeha nanaraka ny morony izahay satria malefaka kokoa ny fitsokin'ny rivotra ami'iny"

**nosy kely iray antsoina hoe Kaoda**  
Eo amin'ny morontsiraka atsimon'i Kreta io nosy io.

### Acts 27:17

**nalatsak'izy ireo ny vatofantsika**  
Nalatsaka tao anaty rano ilay vatofantsika mba hampandeha mora nohon'ny fitondran'ny rivotra azy ireo.

**nanomboka nanary ireo entana tany ivelan'ny sambo izy ireo**  
Natao izany mba hanamaivanana ny lanjan'ny sambo hiarovana azy tsy hiletika.

### Acts 27:19

**Rehefa tsy namiratra taminay nandritry ny andro maro ny masoandro sy ny kintana**  
Tsy nahita masoandro sy kintana izy ireo noho ireo rahona maintin'ny tafio-drivotra. Ireo tatsambo dia nila nahita masoandro sy kintana mba hahafantarana hoe taiza izy ireo ary inona no fitarainan'izy ireo

### Acts 27:21

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Niresaka tamin'ireo tatsambo tao amin'ilay sambo i Paoly.

**Rehefa lasa lavitra tsy nisy sakafo izy ireo,**  
Eto ny "izy ireo" dia manondro ireo tatsambo. Midika izany fa tsy nihinan-kanina mihitsy i Lioka sy Paoly ary ireo niaraka taminy. DH: "Efa ela izahay no tsy nihinan-kanina"

**ho tratran'izao faharatrana sy fatiantoka izao**  
Niresaka tamin'ny tatsambo i Paoly. Izany dia midika fa tsy ho faty i Paoly sy ireo miaraka taminy. AT: "tsy hisy ho faty izany amintsika"

### Acts 27:23

**Tsy maintsy hitsangana eo anatrehan'i Kaisara ianao**  
Ny andian-teny hoe "mijoro eo anoloan'i Kaisara" dia midika hoe mandeha any amin'ny fitsarana i Paoly ary hamela an'i Kaisara hitsara azy. DH: "Tsy maintsy mitsangana eo anoloan'i Kaisara ianao mba hahafahany hitsara anao"

**nanome anao ireo rehetra miantsambo miaraka aminao**  
"nanapa-kevitra ny hamela ireo rehetra niaraka taminao hiaina"

**araka izay voalaza tamiko izany**  
DH: " araka ny nolazain'ny anjely tamiko izany"

### Acts 27:27

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Nitohy hatrany ny oram-baratra.

**Rehefa tonga ny alina faha-efatra ambin'ny folo**  
DH: "Taorian'ny 14 andro taorian'ny nanombohan'ny orambe, tamin'io alina io"

**ny ranomasin'ny Adrea**  
Ranomasina eo anelanelan'Italia sy Gresy.

**naka refin-drano**  
"Nandrefy ny halalin'ny rano mena izy ireo"  
Nandrefy ny halalin'ny rano izy ireo tamin'ny fandatsahana tady hijerena ny fiakaran'ilay izy anaty rano.

**Acts 27:30**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Eto ny "ianareo" dia manondro ilay kapiteny sy ireo miaramila Raomanina.

**lakana famonjena aina**

ty dia sambo kely kokoa izay indraindray sarihina ao ambadiky ny sambo ary indraindray dia nentina teny ambony sambo izy ary afatotra. Ny sambo kely kokoa dia nampiasaina noho ny antony isan-karazany, anisan'izany ny filetehan'ny sambo iray

**Acts 27:33**

**tsy hisy na iray aminareo izay ho very na dia ny singam-bolon-dohany aza**

Fomba nentim-paharazana nilazana fa tsy hisy loza hanjo azy ireo. DH: "ny tsirairay avy aminareo dia ho tafavoaka velona amin'io loza voajanahary io"

**Acts 27:36**

**Avy eo dia nahery izy rehetra**

DH: "Nankahery azy ireo izany"

**Acts 27:39**

**helon-drano**

Toerana iray feno rano voahodidin'ny tany

**niiroso nankeo amin'ny tora-pasika izy ireo.**

Nosarihan'izy ireo ho eo amin'ilay tora-pasika ilay sambo"

**Acts 27:42**

**Ny tetik'ireo miaramila**

Ireo miaramila dia nitetika

**najanony ny tetik'izy ireo**

"nosakanany tsy hanao ny teti-dratsin'izy ireo

## Chapter 28

<sup>1</sup> Rehefa tonga soa aman-tsara izahay, dia hainay fa ilay tany dia nantsoina hoe Malta. <sup>2</sup> Ireo terantany dia tsy nanome hatsaram-panahy tsotra taminay fotsiny, fa nandrehitra afo izy ireo ary nampandroso anay rehetra, nohon'ny orana mikija sy ny hatsiaka. <sup>3</sup> Fa rehefa nanangona kitay hazo sy nametraka izany teo amin'ny afo Paoly, dia nisy menarana nivoaka nohon'ny hafanana, ary nifatotra tamin'ny tanany. <sup>4</sup> Rehefa nahita ilay biby nihantona teo amin'ny tanany ireo terantany, dia nifampiresaka izy ireo hoe: "Tena mpamono olona izay nitsoaka avy tany an-dranomasina io lehilahy io, raha ny rariny dia tsy tokony ho velona izy." <sup>5</sup> Fa avy eo nanozongozona ilay biby ho anaty afo izy nefa tsy naratra akory. <sup>6</sup> Niandry azy mba ho voan'ny tazo na ho faty tampoka izy ireo. Fa rehefa avy nijery azy maharitra izy ireo ary nahita fa tsy nisy zavatra tsy mahazatra nanjo azy, dia niova hevitra izy ireo ary nilaza fa izy dia andriamanitra. <sup>7</sup> Ary tamin'ny toerana akaiky teo nisy ireo tany izay an'ilay lehilahy lehiben'ny nosy, lehilahy antsoina hoe Poplio. Nandray anay izy ary nanome sakafo anay tamin'ny hatsaram-panahy nandritry ny telo andro. <sup>8</sup> Ny rain'i Poplio dia nararin'ny tazo sy fivalanan-drà. Rehefa nankany aminy Paoly, dia nivavaka izy, nametraka ny tanany teo aminy, ary nanasitrana azy. <sup>9</sup> Taorian'ny nitrangan'izany, dia nanatona azy avokoa ny ambin'ny vahoaka rehetra izay narary teo amin'ilay nosy ary sitrana. <sup>10</sup> Ny vahoaka ihany koa dia nanome voninahitra anay tamin'ny voninahitra maro. Ary rehefa niomana andeha hiantsambo izahay, dia nanome anay izay nilainay izy ireo. <sup>11</sup> Afaka telo volana izahay dia nandeha niondrana tamin'ny sambo izay nijanona tao amin'ilay nosy nandritry ny ririnina, sambon'i Aleksandria, misy "'sarikamban'andriamanitra" eo anoloan'ny sambo. <sup>12</sup> Ary rehefa tonga tamin'ilay tanànan'i Sirakosa izahay, dia nitoetra tao nandritry ny telo andro. <sup>13</sup> Niala avy teo izahay no niantsambo ka tonga tany amin'ny tanànan'i Regioma. Ary rehefa afaka iray andro dia nisy rivotra nitsoka avy any atsimo, ka roa andro izahay dia tonga tao amin'ny tanànan'i Potioly. <sup>14</sup> Tao no nahitanay ireo rahalahy sasany ary nanasa anay mba hianona hiaraka amin'izy ireo mandritry ny fito andro. Tamin'ny alalan'izany no nahatongavanay tany Roma. <sup>15</sup> Avy teny ireo rahalahy, taorian'ny nandrekesan'izy ireo ny momba anay, dia tonga nitsena anay hatrany amin'ny tsenan'i Apio sy ireo tranom-bahiny telo. Rehefa nahita ireo rahalahy Paoly, dia nisaotra an'Andriamanitra izy ary nahazo hery. <sup>16</sup> Rehefa niditra tao Roma izahay, dia nahazo alalana hiara-hiaina amin'ireo miaramila niambina azy Paoly. <sup>17</sup> Ary rehefa afaka hateloana taorinan'izay dia nampiantso niaraka ireo lehilahy izay mpitarika teo amin'ireo Jiosy ireo i Paoly. Rehefa niaraka tonga izy ireo, dia niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Ry rahalahy, na dia tsy nanao zavatra ratsy tamin'ny olona na ny fomban'ireo razantsika aza aho, dia natolotra ho voafonja tany Jerosalema teo an-tanan'ny Romana. <sup>18</sup> Rehefa avy nanadihady ahy izy ireo, dia naniry ny hanafaka ahy, satria tsy nisy antony tokony hanamelohana ahy ho faty. <sup>19</sup> Fa rehefa nanohitra ny fanirian'izy ireo ny Jiosy, dia voatery aho nampiantso an'i Kaisara, na dia tsy toy ny hoe nitondra fiampangana hanohitra ny fireneko aza. <sup>20</sup> Nohon'ny antsoko, dia, nangataka ny hahita anareo sy hiresaka aminareo aho. Izany dia nohon'ny fahatokisan'Israely momba ny hamatorana ahy amin'ity rojo ity." <sup>21</sup> Avy eo dia niteny taminy izy ireo hoe: "Tsy mbola naharay ireo taratasy momba anao avy any Jodia izahay, na rahalahy tonga sy nitatitra na niteny zavatra ratsy momba anao. <sup>22</sup> Fa tianay ho re aminao ny eritreritrao momba izany sekta izany, satria fantatray fa efa ratsy laza eny rehetra eny izany. <sup>23</sup> Rehefa nisafidy andro ho azy izy ireo, dia maro kokoa ireo olona nanantona azy tany amin'ny trano nivahinianany. Nampahafantatra ilay raharaha tamin'izy ireo izy, ary nijoro vavolombelona momban'ny fanjakan'Andriamanitra. Niezaka nandresy lahatra azy ireo ny momba an'i Jesosy izy, na tamin'ny alalan'i Mosesy izany na tamin'ny alalan'ny mpaminany, nanomboka maraina ka hatramin'ny hariva. <sup>24</sup> Ny sasany dia resy lahatra tamin'ireo zavatra izay voalaza, raha tsy nino kosa ireo hafa. <sup>25</sup> Rehefa tsy nifanaraka izy ireo, dia lasa taorian'ny nanambaran'i Paoly ity teny iray ity hoe: "Ny Fanahy Masina dia niteny tsara ireo razanareo tamin'ny alalan'Isaia mpaminany. <sup>26</sup> Hoy izy hoe: 'Mandehana any amin'ireo vahoaka ireo ary lazao hoe: "Amin'ny fihainoana no handrenesanareo, fa tsy hahatakatra; ary amin'ny fahitana no hahitanareo, fa tsy hahita. <sup>27</sup> Fa nihadonto ny fon'ireo olona ireo, ary sarotra amin'ny sofin'izy ireo ny handre, ary nanakipy ny masony izy ireo. Fa raha tsy izany dia mety afaka hahita amin'ny masony izy ireo, ary handre amin'ny sofiny, sy hahatakatra amin'ny fony ka hiverina indray, dia hanasitrana azy ireo aho." <sup>28</sup> Noho izany, tokony ho fantatrareo fa izany famonjen'Andriamanitra izany dia nalefa tamin'ireo Jentilisy, ary hihaino izy ireo." <sup>29</sup><sup>[1]</sup><sup>30</sup> Paoly dia niaina nandritry ny roa taona maninjitra tao amin'ny tranony nohofaina manokana, ary nandray izay rehetra tonga tao aminy izy. <sup>31</sup> Nanambara ny fanjakan'Andriamanitra izy ary nampianatra ireo zavatra momban'i Tompo Jesosy Kristy tamin'ny fahasahiana rehetra. Ary tsy nisy nanakana izy.

## Footnotes

28:29 <sup>[1]</sup>Fanamarihana eny amin'ny farany ambanin'ny pejy: Asa 28: 29- Ny antontan-taratasy sasany dia manana ny andininy. 29 hoe: "Rehefa niteny ireo zavatra ireo izy, dia lasa ny Jiosy. Nisy fifandirana lehibe teo amin'izy ireo."

**Acts 28:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Taorian'nyfiletehan'ilay sambo dia nanampy an'i Paoly sy ny olon-drehetra tao amin'ny sambo ireo olona tao amin'ny nosy Malta. Nijanona tao mandritra ny 3 volana izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Paoly sy Lioka mpanoratra ny Asan'ny Apostoly, izay niara-dia tamin'i Paoly tamin'io dia io. "

**dia hainay**

Fantan'i Paoly sy Lioka ny anaran'ilay nosy. DH: "nampahafatarin'ny vahoaka anay" na "fantatray tamin'ireo mponina"

**Acts 28:3****nisy menarana nivoaka**

"bibilava misy poizina no nivoaka avy tao anatin'ilay kitapo nisy hazo"

**nifatotra tamin'ny tanany**

"nanaikitra an'i Paoly ary tsy nety niala"

**Acts 28:5****nanozongozona ilay biby ho anaty afo**

"naninjitra ny tanany mba hilatsahan'ilay bibilava tao anaty afo"

**ho voan'ny tazo**

halemy ny vatany noho ilay poizina bibilava

**niova hevitra izy ireo**

DH: "niverina nandinika indray izy ireo"

**izy dia andriamanitra.**

DH: "ary hoy izy, 'io lehilahy io dia mety ho andriamanitra"

**Acts 28:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

eto ny teny hoe "antsika" sy "isika" dia manondro an'i Paoly sy Lioka ary ireo niara-dia tamin'izy ireo.

**Ary tamin'ny toerana akaiky teo**

Ny "ary" eto dia nampiasana mba hampidirana olona vaovao ao amin'ny tantara.

**ehilahy lehiben'ny nosy**

Ireo azo handikana azy 1) Mpitarika voaloany ireo olona 2) olona izay tena manan-danja teo amin'ilay nosy, mety noho ny harenany.

**Ny rain'i Poplio dia nararin'ny tazo sy fivalanan-drà**

Ity no fanazavana momba ny tantaran'ny rain'i Pobllo izay manan-danja tokoa mba hahazoana ny tantara.

**Acts 28:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nitohy ny dian'i Paoly ho any Roma.

**sambon'i Aleksandria**

Ireo azo handikana azy 1) "sambo iray avy any Aleksandria" na 2) "sambo iray nosoratana na nahazo alalana tany Alexandria."

**tanànan'i Sirakosa**

Sirakosa dia tanàna iray any amin'ny morontsiraka atsimo atsinanan'ny nosy Sikily amin'izao fotoana izao, eo atsimo andrefan'i Italia

**Acts 28:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny tsenan'i Apio sy ny Tranombahiny Telo dia tsenam-barotra malaza eo amin'ny làlambe antsoina hoe lalan'Apianina, 50 kilometatra atsimon'ny tanànan'i Roma.

**Tamin'ny alalan'izany no nahatongavanay tany Roma**

Rehefa tonga tany Potioly i Paoly, dia an-tanety ihany ny dia nankany Roma. DH: "Ary rehefa afaka fito andro, dia niakatra tany Roma izahay"

**taorian'ny nandrenesan'izy ireo ny momba anay**

"taorian'ny nandrenesan'izy ireo fa ho avy izahay"

**Acts 28:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Tonga tany Roma ho gadra i Paoly, saingy nanana fahafahana hijanona eo amin'ny toerany. Niantso ireo Jiosy teo an-toerana izy mba hanazava izay nitranga taminy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Lioka, izay nanoratra ny bokin'ny Asan'ny Apostoly sy i Paoly ary ireo niaraka taminy.

**ireo lehilahy izay mpitarika teo amin'ireo Jiosy**  
Ireo dia mety ho olona Jiosy tsotra fotsiny na mpitondra relijiozy nanatrika tao Roma.

**natolotra ho voafonja tany Jerosalema teo an-tanan'ny Romana**

DH: "ny sasany tamin'ireo Jiosy nisambotra ahy tany Jerosalema ary nametraka ahy teo am-pelatanan'ny manam-pahefana romanina"

**tsy nisy antony tokony hanamelohana ahy ho faty.**  
"Tsy nanao na inona na inona aho hamonon'izy ireo ahy"

## Acts 28:19

**nanohitra ny fanirian'izy ireo**  
"nitaraina ny amin'izay tian'ny manampahefana romanina ho atao"

**voatery aho nampiantso an'i Kaisara**  
DH: "Nangataka an'i Kaisara aho hitsara ahy"

**na dia tsy toy ny hoe nitondra fiampangana hanohitra ny firenako aza**  
DH: "saingy tsy hoe satria te hiampana ny vahoakan'ny firenako teo anoloan'i Kaisara aho"

**nohon'ny fahatokisan'Israely momba ny hamatorana ahy amin'ity rojo ity.**  
DH: "fa voafonja aho"

## Acts 28:21

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Namaly an'i Paoly ireo mpitarika Jiosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Etony teny hoe "izahay," ary "isika" dia manondro ireo mpitarika jiosy any Roma.

**ratsy laza eny rehetra eny**  
DH: "Jiosy maro manerana ny Fanjakana Romanina no milaza zavatra ratsy momba izany"

## Acts 28:23

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpitarika jiosy any Roma.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "ny azy" ary "Izy" dia miantso an'i Paoly

**nisafidy andro ho azy izy ireo**  
"nisafidy fotoana mba hiresahana amin'izy ireo"

**nijoro vavolombelona momban'ny fanjakan'Andriamanitra**  
Ny "fanjakan'Andriamanitra" eto dia ny fitondran'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "nilaza tamin'izy ireo ny momba ny

fanjakan'Andriamanitra ho mpanjaka" na "nilaza tamin'izy ireo ny fomba hampisehoan'Andriamanitra ny tenany ho mpanjaka

## Acts 28:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Rehefa nanomana ny hivoaka ireo mpitarika jiosy, dia nanonona ireo andinin-tSoratra Masina teo amin'ny Testamenta taloha i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo mpitarika jiosy any Roma.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Ny teny hoe "ianareo" dia manondro ny olona izay niresahan'i Paoly. Ao amin'ny andininy faha-26, dia manomboka milaza an'i Isaia mpaminany i Paoly

**taorian'ny nanambaran'i Paoly ity teny iray ity**  
DH: "taorian'ny nanambaran'i Paoly zavatra iray hafa" na "taorian'ny nanambaran'i Paoly"

**Ny Fanahy Masina dia niteny tsara ireo razanareo tamin'ny alalan'Isaia mpaminany. 26Hoy izy hoe:**  
**'Mandehana any amin'ireo vahoaka ireo ary lazao hoe:**  
**"Amin'ny fihainoana no handrenesana, fa tsy hahatakatra; ary amin'ny fahitana no hahitanareo, fa tsy hahita**  
DH: "Ny Fanahy Masina dia niresaka tsara tamin'ny alalan'i Isaia mpaminany tamin'ny razanareo, tamin'ny nilazan'ny Fanahy tamin'i Isaia hoe:"  
Hihaino izy fa tsy hahafantatra, ary hahita fa tsy hahita"

**fa tsy hahatakatra; ary amin'ny fahitana no hahitanareo, fa tsy hahita.**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy ny heviny. Asongadin'izy ireo fa tsy hahatakatra ny drafitr'Andriamanitra ireo Jiosy.

## Acts 28:27

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Namarana ny fitanisana an'i Isaia mpaminany i Paoly

**Fa nihadonto ny fon'ireo olona ireo**  
Ireo olona izay mandà mafy ny hahatakatra izay lazainy na ataony dia lazaina toy ny hoe donto ny fony. Ity "fo" ity dia mdika ny fisainana eto.

**amin'ny sofin'izy ireo ny handre, ary nanakipy ny masony izy ireo**  
Ireo olona izay mandà mafy ny hahatakatra izay lazain'Andriamanitra na ataony dia lazaina toy ny hoe tsy maheno na manakipy ny masony mba hahitan'izy ireo.

**hanasitrana azy ireo aho**  
Tsy midika izany fa hanasitrana azy ireo ara-batana Andriamanitra. Hanasitrana azy ireo ara-panahy amin'ny famelana ny fahotany izy ireo koa izy.



**Acts 28:28**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Namarana ny firesahana tamin'ireo mpitarika jiosy tany Roma i Paoly.

**izany famonjen'Andriamanitra izany dia nalefa tamin'ireo Jentilisy**

Ny hafatr'Andriamanitra momba ny fomba hamonjeny ny olona dia lazaina toy ny hoe zavatra nirahina. DH: "Andriamanitra dia naniraka ny mpitondra hafany ho any amin'ireo Jentilisa mba hilaza amin'izy ireo ny fomba hamonjeny azy ireo"

**ary hihaino izy ireo**

"ny sasany amin'izy ireo dia hihaino." Io valintenin'ny Jentilisa io dia mifanohitra amin'ny

fomba nanehoan'ireo Jiosy tamin'izany fotoana izany.

**Acts 28:30**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Nofaranan'i Lioka ny tantaran'i Paoly tao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly

**Nanambara ny fanjakan'Andriamanitra izy**

Eto ny "fanjakan'Andriamanitra" dia manondro ny fitondran'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy. DH: "Izy dia nitory momba ny fitondran'Andriamanitra amin'ny maha mpanjaka Azy" na "Izy dia nitory momba ny fomba hanehoan'Andriamanitra ny tenany ho mpanjaka"

## Book: Romans

### Romans

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy, dia voaantso ho apostoly, ary voatokana ho mpitory ny filazantsaran' Andriamanitra. <sup>2</sup> Io ilay filazantsara izay efa nampanantenainy mialoha tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny tao amin'ny Soratra Masina. <sup>3</sup> Izany dia momban'ny Zanany lahy, izay teraka avy amin'ny taranak'i Davida araka ny nofo. <sup>4</sup> Tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty, dia voambara ho ilay zanaka maherin'Andriamanitra tamin'ny herin'ny Fanahin'ny fahamasinana Izy\_ dia Jesosy Kristy Tompontosika. <sup>5</sup> Tamin'ny alalany no nandraisantsika fahasoavana sy ny maha-apostoly amin'ny fankatoavana ny finoana eo amin'ny firenena rehetra, noho ny Anarany. <sup>6</sup> Amin'ireo firenena ireo, ianareo ihany koa dia voaantso ho an'i Jesosy Kristy. <sup>7</sup> Ity taratasy ity dia ho an'ireo rehetra ao Roma, izay malalan'Andriamanitra, izay voaantso ho olo-masina. Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>8</sup> Voalohany, isaorako ny Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy noho ny aminareo rehetra, satria ny finoanareo dia efa nambara manerana izao tontolo izao. <sup>9</sup> Fa Andriamanitra no vavolombeloko, izay tompoiko ao amin'ny fanahiko ao amin'ny filanzatsaran'ny Zanany, fa tsy mitsahatra miresaka anareo Aminy Aho. <sup>10</sup> Mangataka foana Aho amin'ny vavaka ataoko ny mba ahombiazako amin'ny fomba rehetra araka ny sitrapon'Andriamanitra mba ho tonga aminareo. <sup>11</sup> Fa izaho dia maniry ny ahita anareo, mba afahako manome fanomezam-panahy sasantsasany ho anareo, mba hampahery anareo. <sup>12</sup> Izany, dia maniry Aho ny mba hifankaherezantsika eto anivontsika, amin'ny alalan'ny finoan'ny tsirairay avy, ny anareo sy ny ahy. <sup>13</sup> Ankehitriny tsy tiako ianareo tsy ahafantatra, ry rahalahy, hoe matetika aho no manana fikasana hanatona anareo, (nefa izaho dia voasakana mandrak'ankehitriny), mba hahazoana vokatry eo aminareo, toy ny efa nahazoako ny ambin'ireo Jentilisa ihany koa. <sup>14</sup> Izaho dia mpitrosa amin'ireo Grika sy ireo vahiny, amin'ny hendry sy adala. <sup>15</sup> Noho izany, amiko, dia vonona ihany koa aho hitory ny filazantsara ho anareo izay any Roma. <sup>16</sup> Fa izaho dia tsy menatra amin'ny filazantsara, fa izany no herin'Andriamanitra ho famonjena ireo rehetra izay mino, ho an'ny Jiosy aloha ary ho an'ny Grika. <sup>17</sup> Fa amin'izany no anehoana ny fahamarinan' Andriamanitra avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana, araka izay voasoratra hoe: "Ny marina dia ho velona amin'ny finoana." <sup>18</sup> Fa ny fahatezeran'Andriamanitra dia naseho avy any an-danitra manohitra ny haratsiam-panahy sy ny tsy fahamarinan'ny olona, izay manakana ny fahamarinana amin'ny alalan'ny tsy fahamarinana. <sup>19</sup> Izany dia satria izay fantatra momban'Andriamanitra dia hitan'izy ireo maso. Fa nohazavain'Andriamanitra izy ireo. <sup>20</sup> Fa ireo endriny izay tsy hita maso, izay heriny tsy misy fetra sy maha-Andriamanitra Azy, dia hita nazava tsara, nanomboka tamin'ny famoronana izao tontolo izao, tamin'ireo zavatra izay noforonina. Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny izy ireo. <sup>21</sup> Izany dia satria, na dia efa nahafantatra ny momban'Andriamanitra aza izy ireo, dia tsy nanome voninahitra amin'ny maha Andriamanitra Azy, na koa nisaotra Azy. Fa kosa, lasa adala tao an-tsainy izy ireo, ary nihamaizina ny fo donton'izy ireo. <sup>22</sup> Izy ireo dia nilaza azy ireo ho hendry, kanefa dia niha-lasa adala. <sup>23</sup> Ny voninahitran'Andriamanitra tsy mety lo dia natakalon'izy ireo sarin'endrik'olombelona mety lo, vorona, biby manan-tongotra efatra, sy ireo zavatra mikisaka. <sup>24</sup> Noho izany dia natolotr'Andriamanitra ho amin'ny filan'ny fon'izy ireo ho amin'ny fahalotoana izy ireo, mba ho afa-boninahitra eo amin'izy ireo ihany ny tenan'izy ireo. <sup>25</sup> Izy ireo no nanakalo ny fahamarinan'Andriamanitra tamin'ny lainga, ary izay midera sy manompo ny zava-boary fa tsy ilay Nahary, izay deraina mandrakizay. Amena. <sup>26</sup> Noho izany, natolotr'Andriamanitra ho amin'ny filàn-dratsy mamoafoady izy ireo, fa ireo vehivavin'izy ireo dia nanakalo ireo fifandraisana voajanahary tamin'ireo izay tsy voajanahary. <sup>27</sup> Toy izany koa, ireo lehilahy dia namela ny fifandraisan'izy ireo voajanahary miaraka amin'ny vehivavy ka nampirehetin'ny filàna ara-nofo ho an'ny izy samy izy. Ireo dia lehilahy izay nanao fihetsika mahamenatra miaraka amin'ny lehilahy ary nandray tao amin'izy ireo ny sazy izay mendrika azy ireo nohon'ny fahavetavetan'izy ireo. <sup>28</sup> Satria tsy nanaiky ny hanana an'Andriamanitra ao amin'ny fieritreretany izy ireo, dia nomeny saina tsy mendrika izy ireo, mba hanaovana ireo zavatra izay tsy mety. <sup>29</sup> Izy ireo dia feno ny tsy fahamarinana, faharatsiana, fitsiriritana, ary lolompo rehetra. Izy ireo dia feno fialonana, famonoana, fifandirana, fitaka, ary fikasana ratsy. <sup>30</sup> Izy ireo dia mpifosa, mpanendrikendrika, ary mpankahala an'Andriamanitra. Izy ireo dia mahery setra, miavona, ary mirehareha. Izy ireo dia mpamorona zava-dratsy, ary izy ireo dia tsy mankatona ny ray aman-dreniny. <sup>31</sup> Izy ireo dia tsy manana fahalalana; izy ireo dia tsy azo itokisana, tsy misy fitiavana

voajanahary, ary tsy mamindra fo. <sup>32</sup> Hain'izy ireo ny lalàn'Andriamanitra, fa ireo izay manao zavatra tahaka izany dia mendrika ny fahafatesana. Fa tsy ireo zavatra ireo ihany no ataony, fa manaiky ireo hafa izay manao ireny koa.

## Romans 1:1

### Paoly

Mety manana fomba manokana hampidirana ny mpanoratra taratasy ny fitenin'ao. Mety mila milaza ihany koa ianao ao amin'io andininy io hoe iza ireo olona hanoratan'i Paoly ny taratasy. (1:7). D:"izaho, Paoly, nanoratra ity taratasy ity"

### voaantso ho apostoly, ary voatokana ho mpitory ny filazantsaran' Andriamanitra

Afaka adika hoe DH: " Andriamanitra niantso ahy ho apostoly ary nifidy ahy hanambara amin'ny olona momba ny filazantsara"

### voaantso

Izany dia midika fa Andriamanitra dia nanendry na nifidy ny olona mba ho zanany, mba ho mpanompony ary mpanambara ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'ny Jesosy.

### Io ilay filazantsara izay efa nampanantenainy mialoha tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny tao amin'ny Soratra Masina

Andriamanitra nampanantena ny olony fa hangana ny fanjakany Izy. Nilaza tamin'ireo mpaminany Izy mba hanoratra ireo fampanantenana ireo ao amin'ny Soratra Masina.

### Izany dia momba ny Zanany lahy

Izany dia maneho ny "filazantsaran'Andriamanitra", ilay vaovao mahafaly izay nampanantenain'Andriamanitra handefasany ny Zanany lahy eto amin'izao tontolo izao.

### Zanaka lahy

Io dia fiansoana manan-danja ilazana an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

### Izay teraka avy amin'ny taranak'i Davida araka ny nofo.

Eto ny teny hoe "nofo" dia ilazana nofo aman-batana. DH: "izay taranak'i Davida araka ny toetry ny nofo" na "nateraka tao amin'ny fianakavin'i Davida"

## Romans 1:4

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Eto i Paoly dia miresaka momba ny adidiny hitory.

### Tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty

"Tamin'ny nananganana azy tamin'ny maty"

**voambara ho ilay zanaka maherin'Andriamanitra ... Izy**  
Ny teny hoe "izy" dia eto manondro an'Jesosy Kristy. Afaka adika hoe DH: " Andriamanitra nanambara Azy ho Zanaka maherin'Andriamanitra"

### zanaka maherin'Andriamanitra

Ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty dia manaporofa fa Izy ilay "Zanak'Andriamanitra" taloha sy ankehitriny. Io dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

### Fanahin'ny fahamasinana

Io dia ilazana ny Fanahy Masina.

### Nandraisantsika fahasoavana sy ny maha-apostoly

Andriamanitra nanome an'i Paoly ny fanomezam-pahasoavana mba ho apostoly. Afaka adika koa hoe DH: " Andriamanitra no nahatonga ahy ho apostoly. Izany dia tombony manokana"

### isika

Ny teny "isika" dia manondro an'i Paoly sy ireo apostoly izay nanaraka an'i Jesosy, fa manala ireo mpino ao amin'ny fiangonana ao Roma.

### Amin'ny fankatoavana ny finoana eo amin'ny firenena rehetra, noho ny Anarany

Mampiasa ny teny hoe "anarana" i Paoly mba hilazana an'i Jesosy. DH: "mba hampianatra ny firenena rehetra hankatoa noho ny finoan'ireo Azy"

## Romans 1:7

### Ity taratasy ity dia ho an'ireo rehetra ao Roma, izay malalan'Andriamanitra, izay voaantso ho olo-masina

Azo adika hoe DH: "Manoratra ity taratasy ity ho anareo rehetra ao Roma izay tian'Andriamanitra sy nofidiny ho olony aho"

### Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy fiadanana

Azo adika hoe DH: " Andriamanitra anie hanome anareo fahasoavana sy fiadanana" na "Andriamanitra anie hitahy anareo sy hanome fiadanana ao anatinareo."

### Andriamanitra Raintsika

Ny teny hoe "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

## Romans 1:8

### izao tontolo izao

Io dia filaza masaka ilazana ny izao tontolo izao izay fantatr'izy ireo, izay midika ihany koa hoe Fanjakana Romana

### Fa Andriamanitra no vavolombeloko

Paoly dia manamafy fa izy dia mivavaka fatratra ho azy ireo ary nahita azy nivavaka Andriamanitra. Ny teny hoe "fa" matetika dia tsy adika.

**Ao amin'ny fanahiko**

Ny fanahin'ny olona dia ampahany aminy izay afaka mahafantatra an'Andriamanitra ary mino azy.

**filanzatsaran'ny Zanany**

Ny vaovao mahafalin' ny Baiboly (filazantsara) dia izay nanoloran'ny zanak'Andriamanitra ny tenany ho Mpanonjin'izao tontolo izao.

**Zanaka lahy**

Izany dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**Miresaka anareo Aminy Aho**

"Miresaka momba anareo amin'Andriamanitra aho"

**Mangataka foana Aho amin'ny vavaka ataoko ny mba hahombiazako amin'ny fomba rehetra ... ho tonga aminareo.**

"Isaky ny mivavaka aho, dia mangataka amin'Andriamanitra aho mba ... mba hahomby ... amin'ny fahatongavana hamangy anareo"

**Amin'ny fomba rehetra**

"Amin'ny fomba rehetra izay hamelàn'Andriamanitra"

**Ary farany**

"Amin'ny farany" na "farany"

**araka ny sitrapon'Andriamanitra**

"Satria maniry izany Andriamanitra"

**Romans 1:11****Fampifandraisan ny foto-kevitra:**

Manohy ireo teny fanokafana ho an'ny olona ao Roma amin'ny filazana ny faniriany hahita azy ireo mivantana i Paoly.

**Fa izaho dia maniry ny ahita anareo**

"Satria te ahita anareo fatratra aho"

**fanomezam-panahy sasantsasany, mba hampahery anareo**

Paoly dia te hampahery aram-panahy ireo Kristiana Romana. DH: "fanomezam-pahasoavana izay hanampy anareo mba hitombo aram-panahy"

**zany, dia maniry Aho ny mba hifankaherezantsika eto anivontsika, amin'ny alalan'ny finoan'ny tsirairay avy, ny anareo sy ny ahy.**

Afaka adika hoe DH: "ny tiako ho lazaina dia tiako ny hifankaherezantsika ny amin'ny fizarana ireo zavatra niainantsika tamin'ny finoana an'i Jesosy"

**Romans 1:13****tsy tiako ianareo tsy ahafantatra**

Paoly dia manamafy fa tiany izy ireo mba hahalala izany fampahafantarana izany. Afaka adika hoe DH: "Tiako ho fantatrareo"

**ry rahalahy**

Io dia midika eto hoe ireo namana Kristiana, ao anatin'izany na ny lahilahy na ny vehivavy.

**nefa izaho dia voasakana mandrak'ankehitriny**

Azo adika hoe DH: "nisy zavatra nisakana ahy foana"

**mba hahazoana vokatra eo aminareo**

Ny teny hoe "vokatra" dia sarin-teny maneho ny olona ao Roma izay tian'ny Paoly mba hino ny filazantsara. DH: "mba hisy olona maro kokoa eo aminareo hatoky an'i Jesosy"

**toy ny efa nahazoako ny ambin'ireo Jentilisa ihany koa**

Eto i Paoly dia mampiasa ny filaza-masaka mba anisy fanindriana. DH: "fa toy ny nahatongavan'ny olona hino ny filazantsara tany amin'ny firenena Jentilisa maro hafa"

**Izaho dia mpitrosa**

Amin'ny fampiasana ny sarni-teny hoe "mpitrosa," i Paoly dia miresaka momba ny adidiny hanompo an'Andriamanitra toy ny hoe nitrosa ara-bola tamin'Andriamanitra izy. DH: "tsy maintsy mitondra ny Filazantsara ho an'ny"

**Romans 1:16****Fa izaho dia tsy menatra amin'ny filazantsara**

Afaka adika hoe: "Mahatoky tanteraka ny filazantsara aho"

**fa izany no herin'Andriamanitra ho famonjena ireo rehetra izay mino**

Eto ny hoe "mino" dia midika fametrahana'ny olona iray ny tokiny amin'i Kristy. DH: "amin'ny alalan'ny filazantsara no hamonjen'Andriamanitra amin-kery ireo izay nametraka ny fitokiany amin'i Kristy"

**ho an'ny Jiosy aloha ary ho an'ny Grika**

"ho an'ny olona Jiosy ary ho an'ny olona Grika ihany koa"

**aloha**

Eto ny hoe "aloha" dia midika fahatongavana amin'ny fotoana mialohan'ireo rehetra hafa.

**Fa amin'izany**

Eto ny teny "izany" dia maneho ny filazantsara. Paoly dia manazava ny hoe nahoana no mahatoky tanteraka ny amin'ny filazantsara izy.

**fahamarinan' Andriamanitra avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana**

Paoly dia miresaka momba ny hafatry ny filazantsara toy ny hoe zavatra izay afaka hasehon'Andriamanitra mivaingana amin'ny olona. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra niteny tamintsika fa amin'ny finoana hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany no hahatongavan'ny olona ho marina"

**araka izay voasoratra**

Afaka adika hoe DH: "araka ny voasoratra ny olona iray ao amin'ny Soratra Masina"

**Ny marina dia hivelona amin'ny finoana**

Eto ny hoe "marina" dia ilazana ireo izay matoky an'Andriamanitra. DH: "ny olona izay matoky an'Andriamanitra fa mihevitra marina momba azy Izy, ary izy ireo dia ho velona mandrakizay"

**Romans 1:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia mampiseho ny fahatezerana lehiben'Andriamanitra manoloana ny olona mpanota.

**Fa ny fahatezeran'Andriamanitra dia naseho**

Paoly dia manazava hoe nahoana ny olona no mila mihaino ny filazantsara. Afaka adika hoe DH: "Fa Andriamanitra dia mampiseho ny fahatezerany"

**manoloana**

amin'ny

**haratsiam-panahy sy ny tsy fahamarinan'ny olona**

"ireo rehetra tsy araka an'Andriamanitra sy ireo zavatra tsy marina izay ataon'ny olona"

**izay manakana ny fahamarinana**

Eto ny teny hoe "fahamarinana" dia ilazana ny fampahafantarana marina momba an'Andriamanitra. DH: "manafina ny fampahafantarana marina momban'Andriamanitra"

**izay fantatra momban'Andriamanitra dia hitan'izy ireo maso**

Afaka adika hoe DH: "afaka nahafantatra ny momba an'Andriamanitra izy ireo noho izay hitan'izy ireo mibaribary"

**Fa nohazavain'Andriamanitra izy ireo**

Eto ny teny hoe "nohazavain'Andriamanitra izy ireo" dia midika fa Andriamanitra dia nampiseho ny fahamarinana momba Azy tamin'izy ireo. DH: "Fa Andriamanitra nampiseho ny tsirairay hoe toy ny ahoana izy"

**Romans 1:20****Fa ireo endriny tsy hita maso dia hita nazava tsara**

Azavain'i Paoly ny fomba nanehoan'Andriamanitra ny tenany tamin'ny zanak'olombelona. Rehefa mijery ny asa izay noharian'Andriamanitra isika, dia afaka mahatakatra zavatra momba an'Andriamanitra. Afaka adika hoe DH: "Satria rehefa hitantsika ao amin'ny voahary ny asa mahagagan'Andriamanitra, dia manomboka mahatakatra isika hoe toy ny ahoana Andriamanitra"

**Izao tontolo izao**

Ilazana ny lanitra sy ny tany, ary koa ireo zava-drehetra eo aminy izany.

**takatr'izy ireo amin'ny alalan'ny zavatra noforonina.**

Azonao adika hoe DH: "Ny olona dia afaka mahatakatra ny momban'Andriamanitra amin'ny fijerena ireo zavatra izay namboariny"

**endrik'Andriamanitra**

"ny hatsarana sy ny toetran'Andriamanitra rehetra" na "ireo zavatra momba an'Andriamanitra izay maha Andriamanitra Azy"

**ireo olona ireo dia tsy nanana fialan-tsiny**

"ireo olona ireo dia tsy afaka miteny na oviana na oviana fa tsy nahafantatra"

**lasa adala tao an-tsainy izy ireo**

Afaka adika hoe DH: "nanomboka nieritreitra zavatra adaladala"

**nihamaizina ny fo donton'izy ireo.**

Eto ny teny hoe "fahamaizinana" dia sarin-teny izay maneho ny tsy fahampian'ny olona fahalalana. DH: "izy ireo dia nanjary tsy nanana fahafahana ny hahatakatra izay tian'Andriamanitra ho fantatr'izy ireo"

**Romans 1:22****Izy ireo dia nilaza azy ireo ho hendry, kanefa dia niha-lasa adala**

"Ary raha nilaza azy ireo ho hendry izy ireo, dia najary lasa adala"

**izy ireo ... izy ireo**

ireo olona ao amin'ny 1:18

**Ny voninahitran'Andriamanitra tsy mety lo dia natakalon'izy ireo**

"nivarotra ny marina fa Andriamanitra dia be voninahitra sady tsy ho faty mandrakizay" na "nitsahatra tsy nino fa Andriamanitra dia be voninahitra sady tsy ho faty mandrakizay"

**Ireo sarin'endrika olona**

"ary nisafidy ny hanompo ireo sampy miendrika ... kosa"

**olona mety lo**

"olombelona izay ho faty"

**vorona, biby manan-tongotra efatra, sy ireo zavatra mikisaka.**

biby misy tongony, ary zavatra mikisaka -" na "tahaka ny vorona, biby manan-tongotra efatra, na zavatra mikisaka"

**Romans 1:24****Andriamanitra nanolotra azy ireo ny**

"Andriamanitra namela azy ireo ho afa-po"

**Azy ireo ... izy ireo.. ny tenan'izy ireo ... izy ireo**  
Ny "olombelona" tao amin'ny 1:18

**filan'ny fon'izy ireo ho amin'ny fahalotoana**  
Eto ny teny hoe "filan'ny fon'izy ireo" dia maneho ny zavatra ratsy izay tian'izy ireo ho atao. DH: "ny fitondran-tena maloto izay nirian'izy ireo indrindra"

**mba ho afa-boninahitra eo amin'izy ireo ihany ny tenan'izy ireo**  
Io dia fanalefahan-teny ilazana fa nanao fahavetavetana izy ireo. Afaka adika hoe DH: "ary izy ireo dia nijangajanga ary nanao toetra mampietry"

**izay midera sy manompo ny zava-boary**  
Eto ny teny hoe "zava-boary" dia ilazana ireo zavatra noharin'Andriamanitra. DH: "izy ireo dia nanompo ireo zavatra izay noharian'Andriamanitra"

**fa tsy**  
"toy izay"

## Romans 1:26

**izany**  
"fanompoan-tsampy sy fijangajangana"

**Andriamanitra nanolotra azy ireo ho amin'ny**  
"Andriamanitra namela azy ireo ho afa--po amin'ny"

**filàn-dratsy mamofady**  
"filàna ara-nofo mahamenatra"

**fa ireo vehivavin'izy ireo**  
"satria ireo vehivavin'izy ireo"

**nanakalo ireo fifandraisana voajanahary tamin'ireo izay tsy voajanahary.**  
Ny fehezanteny hoe "nanakalo ireo fifandraisana voajanahary" dia fanalefahan-teny ilazana ny fahavetavetana. DH: "nanomboka nanantanteraka ny firaisana ara-nofo tsy amin'ny fomba namolavolan'Andriamanitra azy"

**ireo lehilahy dia namela ny fifandraisan'izy ireo voajanahary**  
Eto ny teny hoe "fifandraisana voajanahary" dia fanalefahan-teny ilazana ny firaisana ara-nofo. DH: "maro ny lehilahy nitsahatra ny hanana faniriana firaisana voajanahary amin'ny vehivavy"

**nampirehetin'ny filàna**  
"nahatsapa filàna ara-nofo mafy"

**Tsy mendrika**  
"mahamenatra" na "feno ota"

**izay nandray tao amin'izy ireo ny sazy izay mendrika azy ireo nohon'ny fitondra-tena ratsiny.**  
Eto ny teny hoe "tao amin'izy ireo" dia maneho ny "vatan'izy ireo." Afaka adika hoe DH: "Izy ireo dia

nofaizin'Andriamanitra tamin'ny aretina tao amin'ny vatan'izy ireo"

**nohon'ny fahavetavetan'izy ireo**  
"fitondran-tena izay ratsy ary maharikoriko"

## Romans 1:28

**Satria tsy nanaiky ny hanana an'Andriamanitra ao amin'ny fieritreretany izy ireo**  
"Tsy nihevitra izy ireo fa ilaina ny mahalala an'Andriamanitra"

**izy ireo ... azy ireo ... azy ireo**  
Ireo teny ireo dia manondro ny "olombelona" tao amin'ny 1:18

**dia nomeny saina tsy mendrika izy ireo**  
Eto ny teny "saina tsy mendrika" dia midika fisainana izay tsy mieritreritra afa-tsy faharatsiana. DH: "Andriamanitra namelan'ny sain'izy ireo, izay nofenoin'izy ireo fiheveran-dratsy sy zava-poana, mba hibaiko tanteraka azy ireo"

**tsy mety**  
"mahamenatra" na "mpanota"

## Romans 1:29

**Izy ireo dia feno**  
Afaka adika hoe DH: "Nanana faniriana mafy ny ... tao anatin'izy ireo" na "Naniry mafy ny anao asan'ny ... izy ireo"

**Izy ireo dia feno fialonana, famonoana, fifandirana, fitaka, ary fikasana ratsy**  
Azonao adika hoe DH: "Maro ny mialona ny olona hafa hatrany ... Maro ny maniry hamono olona hatrany... mba hahatonga fifandirana sy ady eo amin'izy ireo ... hamitaka ny hafa ... hiteny amin'ny fankahalana momba ny hafa"

**mpanendrikendrika**  
Ny mpanendrikendrika dia milaza zavatra diso momba ny olona hafa mba hanimba ny lazan'izany olona izany.

**Izy ireo dia mpamorona zava-dratsy**  
"Miezaka ny hieritreritra fomba vaovao hanaovana zava-dratsy amin'ny hafa izy ireo"

## Romans 1:32

**Hain'izy ireo ny lalàn'Andriamanitra**  
"fantatr'izy ireo ny fomba tian'Andriamanitra hiainan'izy ireo"

**fa ireo izay manao zavatra tahaka izany**  
Eto ny teny hoe "manao" dia ilazana hoe mandrakariva na fahazarana manao zavatra izay ratsy. DH: "ary ireo manao zavatra ratsy hatrany"

**ireo zavatra ireo**  
"ireo karazana zava-dratsy ireo"

**izay manao ireny koa**

Eto ny matoanten'ny "manao" dia milaza ny fanaovana ny zavatra izay ratsy hatrany. DH: "izay ny fanaovana ireo zava-dratsy hatrany"

---

## Chapter 2

<sup>1</sup> Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny ianao, ry olona, ianao izay mitsara, fa izay itsaranao ny hafa no anamelohanao ny tenenao. Fa ianao izay mitsara dia manao ireo ihany koa. <sup>2</sup> Nefa fantatsika fa ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny marina rehefa mianjera amin'ireo izay manao zavatra tahaka ireo izany. <sup>3</sup> Fa hevero izao, ry olona, ianao izay mitsara ireo izay manao zavatra tahaka ireo na dia manao tahaka ireny koa aza ianao. Hitsoaka ny fitsaran'Andriamanitra va ianao? <sup>4</sup> Sa hamaivaninao ny haren'ny hatsaram-panahiny, ny fandeferany, ary ny faharetany? Tsy fantatrao va fa ny hatsaram-panahiny dia natao hitarika anao amin'ny fibebahana? <sup>5</sup> Fa izany dia ho amin'ny halehiben'ny hamafy sy tsy fibebahan'ny fonareo no anangonanareo fahatezerana ho an'ny tenanareo amin'ny andro fahatezerana, izany dia, ny andron'ny fanehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra. <sup>6</sup> Hamaly ny olona rehetra amin'ny fatra mitovy amin'ireo nataony Izy: <sup>7</sup> hanome araka ny faharetana, ny asa tsara mitady dera, voninahitra, ny tsy fahafatesana, fiainana mandrakizay Izy. <sup>8</sup> Fa ho an'ireo izay mitady ho an'ny tenany, izay tsy mankatoa ny marina fa mankatoa ny tsy fahamarinana, dia ho avy ny fahatezerana sy ny ny fasikana. <sup>9</sup> Andriamanitra dia hitondra fahoriana sy fahantrana amin'ny fanahin'ny olona rehetra izay nanao ratsy, amin'ny Jiosy aloha, ary amin'ny Grika ihany koa. <sup>10</sup> Fa dera, laza, ary fiadanana no ho avy amin'ireo izay manao ny tsara, amin'ny Jiosy aloha, ary amin'ny Grika ihany koa. <sup>11</sup> Fa tsy misy fiangarana miaraka amin'Andriamanitra. <sup>12</sup> Fa izay rehetra nanota tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana lalàna ihany koa, ary izay rehetra nanota niaraka tamin'ny fanajana ny lalàna dia ho tsaraina araka ny lalàna. <sup>13</sup> Fa tsy ireo mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan'Andriamanitra, fa ireo izay mampihatra ny lalàna no nohamarinina. <sup>14</sup> Fa ireo jentilisa, izay tsy manana ny lalàna, rehefa manao ny zavatra momban'ny lalàna araky ny voajanahary, dia izy ireo no lalàna ho an'ny tenany, na dia tsy manana ny lalàna aza izy ireo. <sup>15</sup> Amin'izany no anehoan'izy ireo fa ny asa angatahan'ny lalàna dia voasoratra ao am-pon'izy ireo. Ny fieritreretana'izy ireo ihany koa dia vavolombelona ho azy ireo, ary ny fisainan'izy ireo manokana dia na manameloka na miaro azy ireo amin'ny tenan'izy ireo <sup>16</sup> ary koa amin'Andriamanitra. Izany dia hitranga amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ireo tsiambaratelon'ny olona rehetra, araka ny filazantsarako, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. <sup>17</sup> Fa raha toa ka Jiosy no hiantsoanao ny tenanao ary miankina amin'ny lalàna sy mirehareha ao amin' Andriamanitra, <sup>18</sup> ary mahalala ny sitrapony sy mamantatra izay zavatra tsara indrindra satria nampianarina tamin'ny lalàna ianao; <sup>19</sup> ary raha toa ka resy lahatra ianao fa ny tenanao dia mpitarika ny jamba, fahazavana ho an'ireo izay ao amin'ny aizina, <sup>20</sup> mpanitsy ny adala, mpampianatra ny zazakely, ary anananao ao amin'ny lalàna ny endriky ny fahalalana sy ny marina, dia ahoana izany no fiantraikan'izany amin'ny fomba hiainanao ny fiainanao? <sup>21</sup> Ary ianao izay mampianatra ireo sasany, tsy mampianatra ny tenanao va ianao? Ianao izay mitory manohitra ny halatra, mangalatra va ianao? <sup>22</sup> Ianao izay miteny fa tsy tokony hijangajanga, mijangajanga va ianao? Ianao izay mankahala ny sampy, mandroba ireo tempoly va ianao? <sup>23</sup> Ianao izay faly mirehareha ao amin'ny lalàna, manala-baraka an'Andriamanitra va ianao amin'io fandikananao ny lalàna io? <sup>24</sup> Fa "ny anaran' Andriamanitra dia efa afa-baraka teo amin'ireo Jentilisa noho ianareo," araka izay efa voasoratra. <sup>25</sup> Fa mahazo tombony amin'ny famorana tokoa ianareo raha toa ka mankatoa ny lalàna, fa raha mandika ny lalàna ianareo, dia tonga tsy voafora na dia efa voafora aza ianareo. <sup>26</sup> Arak'izany, raha olona tsy voafora no mitandrana izay takian'ny lalàna, tsy hatao ho isan'ny voafora va izy na dia tsy voafora aza? <sup>27</sup> Ary tsy ho helohin'ilay iray izay tsy mifora ara-boajanahary va ianareo raha toa ka mitandrana ny lalàna izy? Izany dia satria manana ny lalàna voasoratra sy ny famoràna ianareo, nefa mbola mandika ny lalàna! <sup>28</sup> Fa izy dia tsy jiosy amin'ny endrika ivelany fotsiny; na amin'ny famoràna izay miseho amin'ny endrika ivelan'ny nofo fotsiny. <sup>29</sup> Fa izy dia jiosy ao anaty, ary ny famorana izay an'ny fo, ao amin'ny Fanahy, fa tsy ao amin'ny soratra. Ny fiderana ny olona tahaka izany dia tsy avy amin'ny olona fa avy amin'Andriamanitra.

### Romans 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manamafy fa mpanota avokoa ny olona rehetra, ary manohy mampatsiahy azy ireo fa ratsy ny olona rehetra.

#### Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny ianao

Ny teny hoe "noho izany" manamarika fizarana vaovao ao amin'ny taratasy. Io ihany koa dia manome teny famaranana izay mifototra amin'ny nolazain'i Paoly tao amin'ny 1:32. DH: "Satria hanafay ireo izay tsy mitsahatra manota Andriamanitra, dia tsy hamela ny fahotanao tokoa Izy"



**ianao dia**

Paoly eto dia manoratra toy ny hoe miresaka amin'ny olona Jiosy izay mifamaly aminy. Manao izany Paoly mba hampianarana ireo mpamaky fa Andriamanitra dia hanasazy izay rehetra tsy mitsahatra manota, na Jiosy na Jentilisa.

**ry olona, ianao izay mitsara**

Mampiasa ny teny hoe "ry olona" i Paoly eto mba hibedesana na izay rehetra mety hieritreritra fa afaka manao tahaka an'Andriamanitra ary mitsara ny hafa. DH: "Ianao dia olombelona ihany, kanefa ianao mitsara ny hafa ary milaza fa mendrika ny sazin'Andriamanitra izy ireo"

**fa izay itsaranao ny hafa no anamelohanao ny tenenao**

"Fa ianao dia mitsara ny tenanao ihany satria ianao koa dia manao ny asa ratsy tahaka ny ataon'izy ireo"

**Nefa fantatsika**

Mety ho tafiditra ao amin'ny mpisolo-tena "-tsika" ireo mpino Kristiana sy ireo Jiosy izay tsy Kristiana.

**ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny marina rehefa mianjera amin'ireo**

Eto Paoly dia miresaka ny "fitsaran'Andriamanitra" toy ny hoe velona izany ka afaka "mianjera" eo amin'ny olona. DH: "Andriamanitra dia hitsara ireo olona marina sy ara-drarin'ny"

**ireo izay manao zavatra tahaka ireo izany**

"ireo olona izay manao ireo asa ratsy ireo"

**Romans 2:3****Fa**

"Koa"

**hevero izao**

"saino ny zavatra ho ambarako aminao"

**ry olona**

Ampiasao ny teny mahalaza ny olombelona ankapobeny "na iza na iza ianao"

**ianao izay mitsara ireo izay manao zavatra tahaka ireo na dia manao tahaka ireny koa aza ianao**

"ianao izay milaza amin'ny olona fa mendrika ny sazin'Andriamanitra raha manao ny asa ratsy tahaka izany koa ianao"

**Hitsoaka ny fitsaran'Andriamanitra va ianao?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny tiana ho lazaina. Afaka adika ihany koa izany hoe DH: "Tsy afaka ny handositra ny fitsaran'Andriamanitra tokoa ianao!"

**Sa hamaivaninao ny haren'ny hatsaram-panahiny, ny fandeferany, ary ny faharetany? Tsy fantatrao va fa ny hatsaram-panahiny dia natao hitarika anao amin'ny fibebahana?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny tiana ho lazaina. Afaka adika

ho teny tsotra mafonja ihany koa io. DH: "ianao dia tsy tokony hanao tsinotsinona ny fahatsaran'Andriamanitra ary miandry am-paharetana alohan'ny hanasaziany ny olona Izy, mba hahatonga azy ireo hibe-baka ny fahatsarany!"

**hamaivaninao ny haren'ny ... faharetany**

"mihevitra ny haren'ny ... faharetana ho tsy manandanja" na "mihevitra ... ho tsy tsara"

**Tsy fantatrao va fa ny hatsaram-panahiny dia natao hitarika anao amin'ny fibebahana?**

Ity fanamarihana ity dia miendrika fanontaniana mba hanamafisana ny tiana ho lazaina. Afaka adika ho teny tsotra mafonja ihany koa io. DH: "Tsy maintsy fantatrao fa Andriamanitra dia mampiseho anao ny fahatsarany mba hibe-bahanao!"

**Romans 2:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manohy mampatsiahy fa ny ratsy avokoa ny olona.

**fa izany dia ho amin'ny halehiben'ny hamafin'ny fonareo sy tsy fibebahan'ny fonareo**

Paoly dia mampiasa sarin-teny mba hampitahana ny olona izay tsy manaiky ny hankatoa an'Andriamanitra amin'ny zavatra mafy, tahaka ny vato. Izy ihany koa mampiasa ny teny hoe "fo" mba hanehoana ny olona rehetra. DH: "satria nandà tsy hihaino sy hibe-baka ianao"

**fahamafisana sy tsy fibebahan'ny fo**

izany dia afaka hatambatra hoe: "tsy fibebahan'ny fo."

**anangonanareo fahatezarana ho an'ny tenanareo**

Ny fehezanteny hoe "manangona" dia ilazana ny teny izay maneho ireo olona izay manangona ireo haren'ny mametraka izany amin'ny toerana azo antoka. Ambaran'i Paoly fa, raha tokony ho harena no azony, dia nanjary sazin'Andriamanitra no voaangony. Araka ny fahelan'ny tsy fibebahan'izy ireo no hamafin'ny famaizana. DH: "Ianao no manao ny famaizanao ho ratsy lavitra"

**amin'ny andro fahatezerana, izany dia, ny andron'ny fanehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra**

Ireo fehezanteny roa ireo dia milaza andro iray ihany. DH: "rehefa mampiseho ny rehetra Andriamanitra fa tezitra Izy ary mitsara ny olona rehetra ara-drarin'ny"

**Hamaly**

"manome valiny ara-drarin'ny na famaizana"

**ny olona rehetra amin'ny fepetra mitovy amin'ireo nataony**

"Araka izay nataon'ny olona tsirairay"

**Nitady**

Izany dia midika fa izy ireo dia miasa amin'ny fomba izay hitaritana ho any amin'ny fanampahan-

kevitra marina avy amin'Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsarana.

**laza, voninahitra, ary tsy fahafatesana**  
Te hidera sy hanome voninahitra an'Andriamanitra izy ireo, ary tsy ho faty mandrakizay.

**tsy fahafatesana**  
Ilazana ny fahasimbana ara-nofy izany.

## Romans 2:8

**Fampifandraisana foto-kevitra:**  
Na dia miresaka amin'ny olona ratsy tsy mivavaka aza ity fizarana ity, dia fintinin'i Paoly amin'ny filazana fa rasty eo anatrehan'Andriamanitra na ireo tsy Jiosy na Ireo Jiosy izany.

**mitady ho an'ny tenany**  
mitady - "tia-tena" na "miah-y ny amin'izay mampifaly ny tenan'izy ireo ihany"

**tsy mankatoa ny marina fa mankatoa ny tsy fahamarinana**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovitovy hevitra ihany. Ny faharoa dia manamafy kokoa ny voalohany.

**ho avy ny hatezerana sy havinirina.**  
Ny teny hoe "fahatezerana" sy "fahasikana" midika zavatra iray ihany ary manamafy fahatezeran'Andriamanitra. DH: "Andriamanitra hampiseho ny fahatezerany lehibe"

**Fahatezerana**  
Eto ny teny hoe "fahatezerana" dia sarin-teny maneho ny sazy mafin'Andriamanitra ho an'ny olona ratsy.

**fahoriana sy fahantrana amin'ny**  
Ny teny hoe "fahoriana" sy "fahantrana" mitovitovy hevitra ihany iary manamafy ny haratsin'ny sazin'Andriamanitra. DH: "sazy mahatsiravina no hanjoa"

**amin'ny fanahin'ny olona rehetra**  
Eto, Paoly dia mampiasa ny teny hoe "fanahy" mba hilazana ilay olona manontolo. DH: "eo amin'ny olona rehetra"

**izay nanao ratsy**  
"tsy nitsahatra nanao ireo zavatra ratsy"

**ho an Jiosy aloha, dia ho an'ny Grika ihany koa.**  
Andriamanitra dia hitsara ireo olona Jiosy aloha, ary avy eo ireo izay tsy Jiosy"

**aloha**  
Ireo mety ho heviny dia 1) "voalohany araka ny fotoana" na 2) "tsy maintsy"

## Romans 2:10

**Fa dera, voninahitra, ary fiadanana no ho avy**  
"Fa Andriamanitra hanome dera, voninahitra, ary fiadanana"

**manao ny tsara**  
"manao izay tsara mandrakariva"

**amin'ny Jiosy aloha, dia amin'ny Grika ihany koa**  
Andriamanitra dia hanome valisoa ireo olona Jiosy aloha, ary avy eo ireo izay tsy Jiosy"

**aloha**  
Tokony ho adikanao araka ny nataonao ao amin'ny 2:8 izany.

**Fa tsy misy fanavakavahana miaraka amin'Andriamanitra**  
Afaka adika hoe DH: "Fa Andriamanitra dia mampitovy ny olona rehetra"

**Fa izay rehetra nanota**  
"Fa ireo izay nanota"

**tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana lalàna ihany koa**  
Mamerina ny hoe "tsy manana lalàna" i Paoly mba ho fanamafisana fa tsy mampaninona raha tsymahafantatra ny lalàn'i Mosesy ny olona. Raha manota izy ireo, dia hitsara azy ireo Andriamanitra. DH: "tsy nahafantatra ny lalàn'i Mosesy dia mbola ho faty ara-panahy tokoa"

**ary izay rehetra nanota**  
"Ary ireo rehetra izay nanota"

**amin'ny fanajana ny lalàna dia ho tsaraina araka ny lalàna.**  
Andriamanitra hitsara ireo olona mpanota araka ny lalàny. Afaka adika hoe DH: "ary ireo izay mahalala ny lalàn'i Mosesy, Andriamanitra dia hitsara azy ireo araka izany lalàna izany"

## Romans 2:13

**Fampifandraisana foto-kevitra:**  
Manohy mampahafantatra ny mpamaky i Paoly fa ny fankatoavana tanteraka ny lalàn'Andriamanitra dia takiana na dia amin'ireo izay mbola tsy nanana ny lalàn'Andriamanitra mihitsy aza.

**tsy ireo mpandre ny lalàna**  
Eto ny "Lalàna" dia manambara ny lalàn'i Mosesy. DH: "tsy ireo izay mandre ny lalàn'i Mosesy ihany"

**izay marina eo anatrehan'Andriamanitra**  
"ireo izay raisin'Andriamanitra ho marina"

**fa ireo izay mampihatra ny lalàna**  
"fa ireo izay mankatoa ny lalàn'i Mosesy"

**izay nohamarinina**

Afaka adika hoe DH: "izay eken'Andriamanitra"

**Fa ireo jentilisa, izay tsy manana ny lalàna ... lalàna ho an'ny tenany**

Ny fehezanteny hoe "lalàna ho an'ny tenany" dia fomba fiteny izay midika fa ireo olona ireo dia mankatoa ireo lalàn'Andriamanitra tsotra izao. DH: "Manana ny lalàn'Andriamanitra ao amin'izy ireo sahady"

**tsy manana ny lalàna izy ireo.**

Eto ny teny hoe "lalàna" dia maneho ny lalàn'i Mosesy. DH: "izy ireo dia tsy tena manana ireo lalàna izay nomen'Andriamanitra an'i Mosesy"

**Romans 2:15****Amin'izany no anehoan'izy ireo**

"Amin'ny fankatoavana ny lalàna tsotra izao dia mapiseho izy ireo"

**ny asa angatahan'ny lalàna dia voasoratra ao am-pon'izy ireo**

Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nanoratra teo amin'ny fon'izy ireo izay takian'ny lalàna ho ataon'izy ireo" na "Andriamanitra nampiseho azy ireo izay takian'ny lalàna"

**mitondra vavolombelona ho azy ireo, ary ny fisainan'izy ireo manokana dia na manameloka na miaro azy ireo amin'ny tenan'izy ireo**

Eto ny teny hoe "vavolombelona" dia ilazana ny fahalalana azon'izy ireo avy amin'ny lalàna izay nosoratan'Andriamanitra tao am-pon'izy ireo. DH: "milaza amin'izy ireo raha tsy mankatoa na mankatoa ny lalàn'Andriamanitra izy ireo"

**amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra**

Io no mamarana ny hevitr'i Paoly tao amin'ny 2:13. "Hitranga izany rehefa mitsara Andriamanitra"

**Romans 2:17****fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto no manomboka ny firesahan'i Paoly fa lalàn'ny Jiosy dia manameloka azy ireo tokoa satria izy ireo dia tsy mankatoa izany.

**Hevero fa Jiosy no hiantsoanao ny tenanao**

Eto Paoly dia miresaka toy ny miresaka amin'ny olona iray. Izay marina amin'ny olona iray dia marina amin'ny olona rehetra. "Ankehitriny dia mihevitra ny tenanao ho isan'ireo olona Jiosy ianao"

**miankina amin'ny lalàna, ary mifaly am-pireharehana ao amin'Andriamanitra**

Ny fehezanteny hoe "miankina amin'ny lalàna" dia fomba fiteny. Miresaka momba ny fiankinana amin'ny lalàna toy ny hoe misy olona afaka miankina amin'izany mba hanohana azy tokoa i Paoly. DH: "ary miankina eo amin'ny lalàn'i Mosesy ianao ary mifaly am-pireharehana noho ny amin'Andriamanitra"

**mahalala ny sitrapony**

"ary fantatrao ny sitrpon'Andriamanitra"

**nampianarina tamin'ny lalàna ianao**

"satria nianatra izay nampianarin'ny lalàn'i Mosesy ianao"

**Hevero fa Jiosy no hiantsoanao ny tenanao**

Eto Paoly dia miresaka toy ny miresaka amin'ny olona iray. Izay marina amin'ny olona dia marina amin'ny olona rehetra. "Ankehitriny dia mihevitra ny tenanao toy ny isan'ny olona Jiosy ianao"

**fa ny tenanao dia mpitarika ny jamba, fahazavana ho an'ireo izay ao amin'ny aizina,**

Eto ny teny hoe "mpitarika ny jamba" sy "fahazavana" dia sarin-teny ilazana ny fomba hanampiana ny olona izay tsy afaka mahita. Ireo fehezanteny roa ireo dia manana hevitra mitovy. Amin'ny fampiasana azy ireo, Paoly dia mampitaha ny Jiosy iray izay mampianatra olona iray momba ny lalàna amin'ny fanampiana ireo olona izay tsy mahita. DH: "fa ny tenanao dia toy ny mpitarika ny olona izay jamba, ary ianao dia tahaka ny fahazavana ho an'ny olona izay very ao amin'ny aizina"

**mpanitsy ny adala**

"ianaosy dia manitsy ireo izay manao fahadisoana"

**mpampianatra ny zazakely**

Eto Paoly dia mapitaha ireo izay tsy mahalala na inona na inona momba ny lalàna amin'ny zazakely. DH: "ary ianao dia manitsy ireo izay tsy mahafantatra ny lalàna"

**ary anananao ao amin'ny lalàna ny endriky ny fahalalana sy ny marina,**

Ny fahalalana ny marina izay ao amin'ny lalàna dia avy amin'Andriamanitra. DH: "satria ianao dia resy lahatra fa takatrao ny marina izay nomen'Andriamanitra tao amin'ny lalàna"

**Romans 2:21****Ary ianao izay mampianatra ireo sasany, tsy mampianatra ny tenanao va ianao?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo mpihaino azy. Afaka adika hoe DH: "Tsy mampianatra ny tenanao eo am-pampianarana ny hafa ianao"

**ianaosy izay mitory ny amin'ny fanoherana ny halatra, mangalatra va ianao?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo mpamaky. Afaka adika hoe DH: "Ianao miteny ny olona tsy hangalatra, nefa ianao mangalatra!"

**Ianaosy izay miteny fa tsy tokony mijangajanga, mijangajanga va ianao?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo mpamaky. Afaka adika hoe DH: "Ianao miteny olona tsy hijangajanga, nefa ianao mijangajanga!"

**Ianao izay mankahala ny sampy, mandroba ireo tempoly va ianao?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo mpamaky. Afaka adika hoe DH: "Ianao miteny fa mankahala ny sampy, nefa ianao mandroba ireo tempoly!"

**mandroba ireo tempoly**

Ireo mety ho dikany dia 1) "mangalatra fitaovana avy ao amin'ny efitry ny tempolin'ireo mpanompo sampy mba hivarotana izany sy angalana tombony" na 2) "tsy mandefa ny vola rehetra izay tokony ho an'Andriamanitra any amin'ny fiangonan'ny Jerosalema."

## Romans 2:23

**Ianao izay faly mirehareha ao amin'ny lalàna, manala-baraka an'Andriamanitra va ianao amin'io fandikanao ny lalàna io?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo mpamaky. Afaka adika hoe DH: "ratsy ny filazanao fa mirehareha amin'ny lalàna ianao, kanefa miaraka amin'izany da tsy mankatoka izany ianao ary mitondra henatra ho an'Andriamanitra!"

**ny anaran' Andriamanitra dia efa afa-baraka teo amin'ireo Jentilisa**

Afaka adika hoe DH: "Ny asa ratsinareo dia mitondra henatra ho an'Andriamanitra amin'ny fisainan'ireo Jentilisa"

**anaran' Andriamanitra**

Ny teny hoe "anarana" dia ilazana ny fahafenoan'Andriamanitra, fa tsy ny anarany irery ihany.

## Romans 2:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manohy mampiseho fa Andriamanitra, amin'ny lalàny, dia manameloka na ireo Jiosy izay manana ny lalàn'Andriamanitra aza.

**Fa mahazo tombony amin'ny famoràna tokoa ianareo**  
"Miteny izany rehetra izany aho satria ny famorana dia tombony ho anareo"

**raha mandika ny lalàna ianareo**

"raha tsy mankatoka ireo didy izay hita ao amin'ny lalàna ianareo"

**dia tonga tsy voafora na dia efa voafora aza ianareo**  
"izany dia toy ny hoe tsy voafora intsony ianareo"

**olona tsy voafora**

"olona izay tsy voafora"

**mitandrina izay takian'ny lalàna**

"mankatoa izay andidian'Andriamanitra ao amin'ny lalàna"

**tsy hatao ho isan'ny voafora va izy na dia tsy voafora aza? Ary tsy ho helohin'ilay iray izay tsy mifora ara-boajanahary va ianareo raha toa ka mitandrina ny lalàna izy?**

Paoly dia mametraka fanontaniana roa eto ho fanamafisana fa ny famoràna dia tsy manamarina ny olona iray eo anatrehan'Andriamanitra. Afaka adika ihany koa izany hoe DH: "Andriamanitra dia handray azy ho toy ny voafora. Ilay iray izay voafora ara-nofo ... hitsara anao ... ny lalàna"

## Romans 2:28

**ivelany**

Ilazana ireo fombafomban'ny Jiosy io, toy ny famorana, izay afaka ho hitan'ny olona.

**endrika ivelany fotsiny**

Io dia ilazana ny fiovana ara-batan'ny lehilahy rehefa misy mamora azy.

**nofo**

Sarin-teny ilazana ny vatana manontolo io. "vatana"

**izy dia jiosy ao anaty, ary ny famorana izay an'ny fo**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy hevitra. Ny voalohany hoe "izy dia Jiosy ao anaty," dia manazava ny fehezanteny faharoa hoe "ny famorana izay an'ny fo."

**anaty**

Izany dia maneho ireo soatoavina sy ny fahavitrihan'ny olona rehetra izay novain'Andriamanitra.

**an'ny fo**

Eto ny teny hoe "fo" dia dia ilazana ny ao anatin'ny olona.

**ao amin'ny Fanahy, fa tsy ao amin'ny soratra**

Eto ny teny hoe "soratra" dia maneho ny Soratra Masina. DH: "amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy Masina, fa tsy amin'ny fahalalanao ny Soratra Masina"

**ao amin'ny Fanahy**

Io dia ilazana ny ao anaty, ny ampahany aram-panahin'ny olona izay novain'ny "Fanahin'Andriamanitra."

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ka inona ary izany no tombon-tsoa ananan'ny Jiosy? Ary inona no tombon-tsoan'ny famoràna? <sup>2</sup> Tsara izany amin'ny fomba rehetra. Voalohany indrindra, ireo Jiosy dia nanankinana ny fanambarana avy amin'Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa ahoana raha tsy nanam-pinoana ireo Jiosy sasany? Ny tsy finoan'izy ireo ve no hahantonga ny fahatokin'Andriamanitra tsy ho tanteraka? <sup>4</sup> Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa kosa, avelao ho hita fa marina Andriamanitra, na dia mpandainga aza ny olona tsirairay. Araka ny voasoratra hoe: "Ho aseho amin'ny teninareo fa olo-marina ianareo, ary aseho rehefa tonga amin'ny fitsarana ianareo." <sup>5</sup> Fa raha toa ny tsy fahamarinantsika no maneho ny fahamarinan'Andriamanitra, inona no azontsika hamba? Afaka milaza ve isika fa tsy marina Andriamanitra amin'ny famoahany ny hatezarany amintsika, sa tsy izany? (Mampiasa lahatenin' olombelona aho.) <sup>6</sup> Tsy hisy mihitsy anie izany! Satria amin'ny fomba ahoana ary no hitsaran' Andriamanitra an'izao tontolo izao? <sup>7</sup> Fa raha toa ny fahamarinan'Andriamanitra ka manome fiderana betsaka ho Azy amin'ny alalan'ny laingako, dia nahoana ary aho no mbola tsaraina ho mpanota? <sup>8</sup> Fa nahoana no tsy miteny, araka ny tatitra diso izay lazaina fa tenenintsika, ary koa araky ny hamafisin'ny sasany fa notenenintsika hoe: "Avelao izahay hanao ratsy, mba hiavian'ny soa"? Rariny ny fitsarana atao amin'izy ireo. <sup>9</sup> Koa inona ary? Manome rariny ny tenantsika ve isika? Tsy izany mihitsy. Fa isika dia efa nanameloka ny Jiosy sy ny Grika, izy rehetra, ho mpanota. <sup>10</sup> Izany dia araky ny voasoratra hoe: "Tsy misy olo-marina, na dia iray aza. <sup>11</sup> Tsy misy na iray aza mahafantatra. Tsy misy na iray aza mitady an'Andriamanitra. <sup>12</sup> Lasa nihataka avokoa izy rehetra. Lasa tsy misy ilàna azy izy rehetra. Tsy misy mba manao ny tsara, tsy misy, na dia iray monja aza. <sup>13</sup> Ny tendan'izy ireo dia fasana misokatra. Ny lelan'izy ireo dia mamitaka. Ny poizin'ireo bibilava dia ao ambanin'ny molotr'izy ireo. <sup>14</sup> Ny vavan'izy ireo dia feno ozona sy lolom-po. <sup>15</sup> Ny tongotr'izy ireo dia havanana amin'ny fandatsahan-drà. <sup>16</sup> Ny fanimbana sy ny fijaliana dia eny amin'ny lalan'izy ireo. <sup>17</sup> Ireny olona ireny dia tsy nahalala ny lalan'ny fiadanana. <sup>18</sup> Tsy mba misy tahotra an'Andriamanitra eo anoloan'ny mason'izy ireo." <sup>19</sup> Ankehitriny dia fantantsika fa na inona na inona lazain'ny lalàna, dia miantefa any amin'ireo izay ambany lalàna. Izany dia mba hahatonga ny vavan'ny tsirairay hangina, ary mba hahazo valiny avy amin'Andriamanitra izao tontolo izao. <sup>20</sup> Izany dia satria tsy hisy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna eo imasony. Fa amin'ny alalan'ny lalàna no hiavian'ny fahalalana ny fahotana. <sup>21</sup> Fa ankehitriny dia nampahafantarina ihany koa ny fahamarinan' Andriamanitra tsy amin'ny lalàna. Noporofoin'ny lalàna sy ireo mpaminany, <sup>22</sup> fa izany, no fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy ho an'izay rehetra mino. Satria tsy misy fanavahana. <sup>23</sup> Fa nanota ny olon-drehetra ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra, <sup>24</sup> ary izy ireo dia hamarinina maimaimpoana amin' ny fahasoavany amin'ny alalan'ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>25</sup> Fa Andriamanitra nanome an'i Kristy Jesosy ho fanatitra amin'ny alalan'ny finoana ny ràny. Natolony ho porofon'ny fahamarinany Kristy, nohon'ny tsy fijereny ny ota tany aloha <sup>26</sup> amin'ny faharetany. Nitranga izany rehetra izany ho fampisehoana ny fahamarinany amin'izao fotoana ankehitriny izao. Izany dia mba hafahany manaporofa fa marina ny tenany, ary mba hanehoana fa Izy dia manamarina ny rehetra noho ny finoana an'i Jesosy. <sup>27</sup> Aiza ary izany ny fireharehana? Voafafa izany. Fa inona no antony? Amin'ny asa ve? Tsia, fa nohon'ny finoana. <sup>28</sup> Manapa-kevitra izany isika fa ny olona iray dia hamarinina araky ny finoana tsy misy ireo asan'ny lalàna. <sup>29</sup> Sa Andriamanitry ny Jiosy irery ihany ve Andriamanitra? Moa ve tsy Andriamanitr'ireo Jentilisa koa Izy? Eny, an'ny Jentilisa koa. <sup>30</sup> Raha, iray tokoa Andriamanitra, dia hohamarininy amin'ny finoana ireo voafora, ary ireo tsy voafora kosa amin'ny alalan'ny finoana. <sup>31</sup> Foanantsika amin'ny alalan'ny finoana ary ve izany ny lalàna? Tsy hisy mihitsy anie izany! Fa kosa, mankatoa ny lalàna isika.

### Romans 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manambara ny tombontsoa izay hananan'ny Jiosy satria Andriamanitra nanome azy ireo ny lalàny.

#### Ka inona ary izany no tombotsoa ananan'ny Jiosy? Ary inona no tombotsoan'ny famoràna?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hisintonany ny sain'ireo mpamaky. Afaka adika hoe DH: "Ary ireo

Jiosy dia tsy hahazo tombony avy amin'ny fanekep-pihavanan'Andriamanitra, na dia nampanantena azy ireo aza Andriamanitra fa hahazo!"

#### Tsara izany amin'ny fomba rehetra

Eto ny teny hoe "izany" dia ilazana ny maha-isan'ny vaohaka Jiosy. DH: "Misy tombony lehibe!"

#### Voalohany indrindra

Ireo mety ho dikany dia 1)"voalohany araka fotoana" na 2) "tena azo antoka tokoa" na 3) "tena manan-danja tokoa."

**ireo Jiosy dia nanankinana ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.**

Ny teny hoe "fanambarana" eto dia manambara ny tenin'Andriamanitra sy ireo fampanantenana. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nanome ireo teniny mba hitoeran'ireo fampanantenany ho an'ireo Jiosy"

### Romans 3:3

**Fa ahoana raha tsy nanam-pinoana ireo Jiosy sasany? Ny tsy finoan'izy ireo ve no hahantonga ny fahatokin'Andriamanitra tsy ho tanteraka?**

Mampiasa ireo fanontaniana ireo i Paoly mba hampisainana ny olona. DH: "Ny Jiosy sasany tsy nahatoky an'Andriamanitra. Tokony raisintsika avy amin'izany ve fa tsy hanatanteraka ny fampanantenany Andriamanitra?"

**Tsy hisy mihitsy anie izany**

Izany fomba fiteny izany dia mandà tanteraka ny mety hitrangan'izany. Mety manana fomba fiteny ilazana azy amin'ny fitenin'izay afaka ampisanao eto ianao. "Sanatria" na "Tsia velively!"

**Fa kosa**

"Fa tokony hilaza kosa isika"

**avelao ho hita fa marina Andriamanitra**

Andriamanitra dia ho marina hatrany ary hitazona ireo faneken'ny. DH: "Andriamanitra dia manatanteraka hatrany izay nampanantenainy"

**na dia mpandainga aza ny olona tsirairay**

Manao filaza masaka i Paoly eto mba hanindriana fa Andriamanitra dia marina amin'ireo faneken'ny. DH: "na dia mpandainga aza ny olona rehetra"

**Araka ny voasoratra**

Afaka adika hoe DH: "Ny Soratra Masina mihitsy no miray hevitra amin'izay lazaiko"

**Ho aseho amin'ny teninareo fa olo-marina ianareo, ary aseho rehefa tonga amin'ny fitsarana ianareo**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy hevitra. Afaka adika hoe. DH: "Ny olona rehetra dia tsy maintsy miaiky fa izay lazainareo dia marina, ary handresy ny tranga hatrany ianareo rehefa misy miampanga anareo"

### Romans 3:5

**Fa raha toa ny tsy fahamarinantsika no maneho ny fahamarinan'Andriamanitra, inona no azontsika hampara?**

Ity fanamarihana ity dia miseho amin'ny endrika fanontaniana mba ho fanamafisana. DH: "Fa misy olona sasany miady hevitra fa rehefa manao fahadisoana isika, dia hitan'ny olona mazava tsara ny fampiharana'Andriamanitra ny marina. Inona no azontsika ambara amin'izany?"

**Andriamanitra dia tsy mba tsy marina rehefa mitondra ny fahatezerany izy, izy ve izany?**

ity fanamarihana ity dia maneho fanontaniana fanamafisana. DH: "Tsy afaka ny hiteny isika fa Andriamanitra dia tsy marina rehefa manasazy ny olona izy" na "isika dia tsy maintsy miteny fa Andriamanitra dia marina, na rehefa manasazy ny olona aza izy"

**ny hatezarany**

Eto ny teny hoe "fahatezerana" dia teny milaza ny sazin'Andriamanitra.

**Miresaka aho araka ny fomba fisainan'ny olona**

Ny teny hoe "fomba fisainan'olombelona" eto dia ilazana ny fomba firesahan'ny olona mahazatra. DH: "Eto aho dia milaza izay mety ho lazain'ny olona amin'ny fiteny mahazatra"

**Satria amin'ny fomba ahoana ary no hitsaran' Andriamanitra an'izao tontolo izao?**

Paoly dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hampisehoana fa ny fandresen-dahatra manohitra ny filazantsara dia tsy manan-kery, satria fantatr'ireo Jiosy fa Andriamanitra dia hitsara ny olona rehetra. DH: "Fantatsika rehetra fa Andriamanitra dia hitsara izao tontolo izao tokoa!"

**izao tontolo izao**

Ny teny hoe "izao tontolo izao" dia milaza ny olona izay monina eto amin'izao tontolo izao"

### Romans 3:7

**Fa raha toa ny fahamarinan'Andriamanitra ka manome fiderana betsaka ho Azy amin'ny alalan'ny laingako, dia nahoana ary aho no mbola tsaraina ho mpanota?**

Eto Paoly dia manohy maka sary an-tsaina olona iray izay mandà ny filazantsara Kristiana hatrany. Miady hevitra izany mpifanandrina izany fa, satria ny fahotany dia mampiseho ny fahamarinan'Andriamanitra, dia tsy tokony hanambara Andriamanitra fa mpanota izy amin'ny andron'ny fitsarana raha, ohatra hoe, milaza lainga izy.

**Fa nahoana no tsy miteny ... hiavian'ny "?"**

Eto Paoly dia mametraka fanontaniana, mba hampisehoana maha tsy misy fotony ny fandresen-dahatr'izany mpifanandrina tsy hita maso izany. DH: "Mety hiteny ihany koa aho ... hiaviany!"

**araka ny tatitra diso izay lazaina fa notenenintsika**

"Ny sasany dia mandainga mba hilazana amin'ny hafa fa isika dia milaza hoe"

**Rariny ny fitsarana atao amin'izy ireo**

Rariny izany rehefa manameloka ireo fahavalon'i Paoly, ny amin'ny fitenenan'izy ireo lainga mahakasika ny fampianaran'i Paoly Andriamanitra.

**Romans 3:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Fintinin'i Paoly fa ny rehetra dia meloky fahotana, tsy misy marina na iray aza, ary tsy misy mitady an'Andriamanitra.

**koa inona ary? Manome rariny ny tenantsika ve isika?**

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly ho fanamafisana ny heviny. DH: "Isika Jiosy dia tsy tokony hieritreritra fa ho afaka amin'ny fitsaran'Andriamanitra, satria isika dia Jiosy!"

**Tsy izany mihitsy**

Ireo teny ireo dia mafonja noho ny teny tsotra hoe "tsia," nefa tsy dia mafonja noho ny hoe "tsia tanteraka!"

**Izany dia araky ny voasoratra**

Afaka adika hoe DH: "Izany dia araka izay nosoratan'ireo mpaminany ao amin'ny Soratra Masina"

**Romans 3:11****Tsy misy na iray aza mahafantatra**

Tsy misy na iray aza mahafantatra izay marina. DH: "Tsy misy tena mahafantatra ny marina"

**Tsy misy izay mitady an'Andriamanitra**

Eto ny fehezanteny hoe "mitady an'Andriamanitra" dia midika hoe fananana fifandraisana amin'Andriamanitra. DH: "Tsy misy olona miezaka ny hananana fifandraisana marina amin'Andriamanitra"

**Lasa nihataka avokoa izy rehetra**

Io dia fomba fiteny izay midika fa ny olona tsy te hisaina momban'Andriamanitra akory aza. Izy ireo dia te hanalavitra Azy. DH: "Izy rehetra dia lasa niala tamin'Andriamanitra"

**Lasa tsy misy ilàna azy izy rehetra**

Satria tsy misy manao izay tsara, dia zava-poana amin'Andriamanitra izy ireo. DH: "Ny rehetra dia nanjary zava-poana eo amin'Andriamanitra"

**Romans 3:13****Izy ireo ... Izy ireo**

Ny teny hoe "Izy ireo" dia manondro "ireo Jiosy sy ireo Grika" 3:9.

**Ny tendan'izy ireo dia fasana misokatra**

Ny teny hoe "tenda" dia manambara ny zava-drehetra lazain'ny olona izay tsy marina sy maharikoriko. Eto ny teny hoe "fasana misokatra" dia sarin-teny ilazana ny faharatsian'ny teny ratsin'ny olona.

**Ny lelan'izy ireo dia mamitaka**

Ny teny hoe "lela" dia manambara ireo teny diso izay tenen'ny olona. DH: "Ny olona dia milaza lainga"

**Ny poizin'ireo bibilava dia ao ambanin'ny molotr'izy ireo**

Eto ny teny hoe "poizin'ireo bibilava" dia sarin-teny izay hampiasaina hanehoana ny voka-dratsy lehiben'ire teny ratsy ambaran'ny olona. Ny teny hoe "molotra" dia ilazana ny tenin'ireo olona. DH: "Ny teny ratsin'izy ireo dia mandratra ny olona tahaka ny poizina mahafatin'ny bibilava"

**Ny vavan'izy ireo dia feno ozona sy lolom-po.**

Eto ny teny hoe "vava" dia maneho ny teny ratsin'ny olona. Ny teny hoe "feno" dia teny fanamafisana. DH: "Izy ireo dia tsy mitsahatra miteny ozona sy teny maharary"

**Romans 3:15****izy ireo ... izy ireo ... Ireny olona ireny ... izy ireo**

Ireo teny ireo dia manondro ireo Jiosy sy ireo Grika ao amin'ny 3:9.

**Ny tongotr'izy ireo dia havanana amin'ny fandatsahan-drà**

Eto ny teny hoe "tongotra" dia sarin-teny ilazana ireo olona. Ny teny hoe "rà" dia sarin-teny maneho ny famonoana olona. DH: "Izy ireo dia mailaka ny hamely sy hamono olona"

**Ny fanimbana sy ny fijaliana dia eny amin'ny lalan'izy ireo**

Eto ny teny hoe "fanimbana sy fijaliana" dia maneho ny famelezana hataon'ireo olona ireo mba hampijaliana ny hafa. DH: "Izy ireo da miezaka ny hamotika ny hafa ary mahatonga azy ireo hijaly"

**ny lalan'ny fiadanana**

"ahoana ny miaina am-piadanana miaraka amin'ny hafa."

**Tsy mba misy tahotra an'Andriamanitra eo anoloan'ny mason'izy ireo."**

Eto ny teny hoe "'tahotra" dia maneho ny fanajana an'Andriamanitra ary finiavana hanome voninahitra azy. DH: "Ny rehetra dia mandà ny hanome an'Andriamanitra ny haja izay mendrika Azy"

**Romans 3:19****fa na inona na inona lazain'ny lalàna, dia miantefa any**

Eto i Paoly dia miresaka momba ny lalàna toy ny hoe velona izany ary manana ny feony manokana. DH: "ny zava-drehetra izay lazain'ny lalàna fa tokony ha ataon'ny olona dia ho an'ny" na "ny didy rehetra izay nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna dia ho an'ny"

**ireo izay ambany lalàna**

"ireo izay tsy maintsy mankatoka ny lalàna"

**mba hahatonga ny vavan'ny tsirairay hangina**

Eto ny teny hoe "vava" dia maneho ireo teny izay lazain'ny olona. Afaka adika hoe DH: "mba tsy hisy olona afaka hilaza zavatra azo ekena hiarovana ny tenan'izy ireo"

**mba ny izao tontolo izao rehetra ho azo valin'Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ny olona rehetra izay miaina eo amin'izao tontolo izao. DH: "fa Andriamanitra dia afaka manambara ny rehetra eo amin'izao tontolo izao ho meloka!"

**nofo**

Eto ny teny hoe "nofo" dia ilazana ny olombelona rehetra.

**Fa**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Noho izany" na 2) "Izany dia satria"

**Fa amin'ny alalan'ny lalàna no hiavian'ny fahalalana ny fahotana.**

"rehefa mahalala ny lalàn'Andriamanitra ny olona iray, dia mahatsapa izy fa nanota"

**Romans 3:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny teny hoe "fa" dia mampiseho fa feno ny fampidiran'i Paoly ary manomboka milaza ny tena heviny amin'izay izy.

**Ankehitriny**

Ny teny hoe "ankehitriny" dia maneho ny fotoana nanomboka tamin'ny nahatongavan'i Jesosy teto antany.

**nampahafantarina ihany koa ny fahamarinan' Andriamanitra tsy amin'ny lalàna**

Afaka adika hoe DH: "Nampahafantatra fomba hahatonga antsika ho marina eo aminy tsy amin'ny fankatoavana ny lalàna Andriamanitra"

**Noporofoin'ny lalàna sy ireo mpaminany**

Ny teny hoe "ny lalàna sy ireo mpaminany" dia milaza ireo ampahan'ny Soratra masina izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany tao amin'ny soratra masin'ny Jiosy. Eto i Paoly dia mamaritra azy ireo ho toy ny olona mijoro vavolombelona any amin'ny fitsarana. Afaka adika hoe DH: "Izay nosoratan'i Mosesy sy ireo mpaminany dia manamarina izany"

**fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy**

Eto ny teny hoe "fahamarinana" dia midika fahamarinana eo amin'Andriamanitra. DH: "marina eo amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy"

**Satria tsy misy fanavahana**

Paoly dia milaza tsy mivantana fa eken'Andriamanitra araka ny fomba mitovy ny

olona rehetra. DH: "Tsy misy fahasamihafana mihitsy eo amin'ireo Jiosy sy ireo Jentilisa"

**Romans 3:23****ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "voninahitr'Andriamanitra" dia ilazana ny endrik'Andriamanitra sy ny toetrany. DH: "ary tsy afaka ny hitovy amin'Andriamanitra"

**izy ireo dia hamarinina an-kalalahana amin' ny fahasoavany amin'ny alalan'ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy.**

Ny teny hoe "hamarinina" eto dia ilazana ny fahamarinana eo amin'Andriamanitra. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nanao azy ireo ho marina eo Aminy ho fanomezana maimaimpoana, satria nafahan'i Kristy Jesosy izy ireo"

**Romans 3:25****ao amin'ny ràny**

Io dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy ho sorona ho an'ny fahotana. DH: "tamin'ny fahafatesany ho sorona ho an'ny fahotana"

**tsy fijereny**

Ireo mety ho dikany 1) tsy niraharaha 2) mamela heloka

**nitranga izany rehetra izany ho fampisehoana ny fahamarinany amin'izao fotoana ankehitriny izao "nanao izany izy mba hampisehoana ny fomba hanamarinan'Andriamanitra ny olona amin'ny tenany"****Izany dia mba afahany manaporofa fa marina ny tenany, ary mba hanehoana fa Izy dia manamarina ny rehetra nohon'ny finoana an'i Jesosy**

"Amin'ny alalan'izany no hanehoany fa izy dia marina sady manambara izay rehetra manana finoana an'i Jesosy ho marina"

**Romans 3:27****Aiza ary izany ny fireharehana? Voafafa izany**

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hampisehoana fa tsy misy antony tokony hireharehana ny amin'ny fankatoavana ny lalàna. DH: "Noho izany dia tsy misy fomba afahantsika mirehareha fa mankasitraka antsika Andriamanitra satria nankatoa ireo lalàna ireo isika. Fireharehana dia voafafa"

**Fa inona no antony? Amin'ny asa ve? Tsia, fa nohon'ny finoana**

Manontany sy mamaly ireo fanontaniana fampisainana ireo i Paoly mba hanindriana fa ny hevitra rehetra izay lazainy dia marina tokoa. Afaka adika hoe DH: "Inona no antony tokony hanilihantsika ny fireharehana? Tokony ho hahilitsika ve izany noho ireo asa tsara? Tsia, fa tokony ho hahilitsika izany nohon'ny finoana kosa izany"



**tsy misy**  
"ankoatra ny" na "raha tsy jerena ny"

### **Romans 3:29**

**Sa Andriamanitry ny Jiosy irery ihany ve Andriamanitra?**  
Mametraka izany fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Ianao izay Jiosy dia tsy tokony hieritreritra mihitsy fa ianao irery ihany no ho eken'Andriamanitra!"

**Moa ve tsy Andriamanitr'ireo Jentilisa koa Izy? Eny, an'ny Jentilisa koa**  
Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana ny heviny. DH: "Hanaiky ireo tsy Jiosy ihany koa Izy, izany hoe, ireo Jentilisa"

**dia hohamarininy amin'ny finoana ireo voafora, ary ireo tsy voafora kosa amin'ny alalan'ny finoana**  
Eto ny teny hoe "voafora" dia manondro ireo Jiosy ary ny teny hoe "tsy voafora" dia teny ilazana ny tsy Jiosy. DH: "Andriamanitra dia hanamarina ireo Jiosy sy ireo tsy Jiosy eo Aminy amin'ny finoana an'i Kristy"

### **Romans 3:31**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Paoly dia manamafy ny lalàna amin'ny finoana.

**Foanantsika amin'ny alalan'ny finoana ary ve izany ny lalàna?**  
Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Tokony hodiantsika fanina ve ny lalàna satria manana finoana isika?"

**Tsy hisy mihitsy anie izany**  
Io fomba fiteny io dia manome valin-teny tena mafonja ho an'ilay fanontaniana fampisainana teo aloha. Mety manana fomba fiteny mitovy amin'izany amin'ny fiteninao izay afaka ampiasana eto ianao. DH: "Izany dia azo antoka fa tsy marina!" na "Tsia avy hatrany!"

**hankatoa ny lalàna isika**  
"mankatoa ny lalàna isika"

**isika**  
Io mpisolo-tena io dia manondro an'i Paoly, ireo mpino hafa, ary ireo mpamaky.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Inona ary no ho lazaintsika fa hitan'i Abrahama, raintsika tany aloha araka ny nofo? <sup>2</sup> Fa raha nohamarinina tamin'ny asa Abrahama, dia nanana antony hireharehana izy, nefa tsy eo anatrehan' Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa inona no ambaran'ny Soratra Masina? "Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary nisaina ho fahamarinana izany." <sup>4</sup> Ary ho an'izay miasa, ny karamany dia tsy isaina ho fahasoavana, fa ho toy izay trosa. <sup>5</sup> Fa ho an'izay tsy miasa kosa nefa mino an'Ilay iray izay manamarina ny mpanohitra an'Andriamanitra, dia isaina ho fahamarinana ny finoany. <sup>6</sup> Davida ihany koa dia manonona tso-drano amin'ny olona izay isain'Andriamanitra ho marina nefa tsy miasa. <sup>7</sup> Hoy izy hoe: "Sambatra ireo izay voavela ny helony, ary koa ireo izay voasaronana ny fahotany. <sup>8</sup> Sambatra izay tsy hisain'ny Tompo heloka." <sup>9</sup> Amin'ireo voafora ihany ve no hanononana izany tso-drano izany, sa amin'ireo tsy voafora koa? Fa hoy isika hoe: "Ny finoana dia nisain'i Abrahama ho fahamarinana." <sup>10</sup> Koa ahoana ary no nanisana izany? Tamin'i Abrahama efa voafora, sa tamin'izy tsy mbola voafora? Tsy tamin'izy efa voafora fa tamin'izy mbola tsy voafora. <sup>11</sup> Abrahama dia nandray ny famantaran'ny famoràna. Izany dia mariky ny fahamarinan'ny finoana izay efa nananany raha mbola tsy voafora izy. Ny valin'izany famantarana izany dia lasa rain'izay mino rehetra izy, na dia mbola tsy voafora aza izy ireo. Midika izany fa ny fahamarinana dia ho isaina ho azy ireo. <sup>12</sup> Nidika koa izany fa Abrahama dia lasa rain'ny voafora tsy ho an'ireo izay voafora irery ihany fa ho an'ireo izay manaraka ny dian'ny finoan'i Abrahama raintsika ihany koa talohan'ny tsy mbola naha-voafora azy. <sup>13</sup> Fa ny fampanantenana tamin'i Abrahama sy ireo taranany fa ho mpandova izao tontolo izao izy dia tsy avy amin'ny alalan'ny lalàna fa avy amin'ny alalan'ny fahamarinan'ny finoana. <sup>14</sup> Fa raha ireo izay miaina amin'ny lalàna no mpandova, dia ho foana ny finoana, ary tsinotsinona ny fampanantenana. <sup>15</sup> Satria ny didy dia mitondra amin'ny fahatezerana, fa any amin'izay tsy misy lalàna, dia tsy misy fandikan-dalàna. <sup>16</sup> Noho izany antony izany dia miseho amin'ny finoana izany, mba hipetrahan'ny fampanantenana amin'ny fahasoavana ary ho azo antoka amin'ireo taranak'i Abrahama rehetra\_ tsy ho an'ireo izay ambanin'ny lalàna ihany, fa ho an'ireo izay mizara ny finoan'i Abrahama ihany koa. Raintsika rehetra izy, <sup>17</sup> araka ny voasoratra hoe: "Nataoko ho rain'ny firenena maro ianao." Teo amin'ny fanatrehan'Ilay nitokiany Abrahama, dia, Andriamanitra izany, izay manome fiainana ireo maty ary miantso ireo zavatra tsy mbola misy mba hisy. <sup>18</sup> Na dia teo aza ireo zavamitranga ivelany, dia natoky tanteraka an'Andriamanitra i Abrahama amin'ny ho avy. Ka tonga rain'ny firenena maro izy, araka izay efa voalaza hoe: "Ho tahaka izany ny taranakao." <sup>19</sup> Tsy narefo tamin'ny finoana izy. Fantatr'i Abrahama fa tsy afaka ny hanan-janaka izy (satria efa teo amin'ny zato taona teo izy). Nanaiky ihany koa izy fa ny kibon'i Saraha dia tsy afaka ny hitondra vohoka intsony. <sup>20</sup> Nefa nohon'ny fampanantenan'Andriamanitra, dia tsy nisalasala tamin'ny tsy finoana i Abrahama. Fa kosa, niha-nahery tamin'ny finoana izy ary nidera an'Andriamanitra. <sup>21</sup> Resy lahatra tanteraka izy fa izay nampanantenain'Andriamanitra, dia afaka tanterahany ihany koa. <sup>22</sup> Noho izany dia nisaina ho azy ho fahamarinana izany. <sup>23</sup> Ary dia tsy nosoratana ho an'ny tombotsoany irery ihany izany, fa nisaina ho azy izany. <sup>24</sup> Nosoratana ho antsika ihany koa izany, ho an'izay hanisana izany, isika izay mino Azy izay nanangana an'i Jesosy Tompontosika tamin'ny maty. <sup>25</sup> Izy Ilay iray natolotra noho ireo fahotantsika ary natsangana mba hanamarina antsika.

### Romans 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manamafy fa na dia ireo mpino taloha aza dia nohamarinina tamin'Andriamanitra tamin'ny finoana fa tsy tamin'ny lalàna.

**Inona ary izany no ho lazaintsika fa hitan'i Abrahama, rain'ny razantsika araky ny no**  
Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hisintonana ny sain'ny mpamaky, ary manomboka miresaka zava-baovao. DH: "Izany no hitan'i Abrahama razantsika araka ny nofo"

#### Fa inona no ambaran'ny Soratra Masina

Mampiasa io fanontaniana io i Paoly mba ho fanamafisana. Miresaka ny amin'ny Soratra Masina izy, toy ny hoe velona izany ary afaka miresaka. DH: "Fa afaka vakiantsika ao amin'ny Soratra Masina"

#### ary nisainy ho fahamarinany izany

Afaka adika hoe DH: "ary noraisin'Andriamanitra ho olona marina Abrahama"

### Romans 4:4

**Ary ho an'izay miasa, ny karamany dia tsy isaina ho fahasoavana, fa ho izay sahaza azy**  
Io dia mamaritra toe-javatra iray izay hiandrasan'ny olona iray izay miasa ny handray ny karamany

nohon'ny asa. Izany olona izany dia tsy mihevitra ny karama ho fanomezana maimaimpoana na "fahasovana."

#### valiny

"karama" na "vola" na "izay azony tamin'ny asa"

#### izay nampitrosaina

Afaka adika hoe: "izay trosan'ny mpampiasa azy aminy"

#### Ilay tokana izay manamarina

"Andriamanitra, izay manamarina"

#### dia isaina ho fahamarinana ny finoany.

Afaka adika hoe DH: "raisin'Andriamanitra ho fahamarinana ny finoan'izany olona izany." na "raisin'Andriamanitra ho marina noho ny finoany izany olona izany"

#### Romans 4:6

##### **Davida ihany koa dia manonona tso-drano amin'ny olona izay isain'Andriamanitra ho marina nefa tsy miasa**

"Davida ihany koa dia nanoratra momba ny fomba fitahian'Andriamanitra ny olona izay nohamarinin'Andriamanitra tsy tamin'ny asa"

##### **ireo izay voavela ny helony, ary koa ireo izay voasarona ny helony. Sambatra ny olona izay tsy hisain'ny Tompo heloka.**

Voalaza amin'ny fomba telo samihafa ny foto-kevitra izay mitovy ihany. Afaka adika hoe DH: "ireo izay voavelan'ny Tompo ny helony ... ireo izay voasaron'ny Tompo ny fahotany ... tsy isain'ny Tompo helony"

#### Romans 4:9

##### **Amin'ireo voafora ihany ve no hanononana izany tso-drano izany, sa amin'ireo tsy voafora koa?**

Io fanamarihana io dia miendrika fanontanina mba ho fanamafisana. DH: "ireo izay voafora ihany ve no tahian'Andriamanitra, sa ireo izay tsy voafora ihany koa?"

#### ireo voafora

Manondro ireo vahoaka Jiosy io. DH: "ireo Jiosy"

#### ireo tsy voafora

Manondro ireo vahoaka tsy Jiosy io. DH: "ireo Jentilisa"

#### Ny finoana dia nisain'i Abrahama ho fahamarinana

Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra dia nandray ny finoan'i Abrahama ho Fahamarinana"

##### **Koa ahoana ary no nanisana izany? Tamin'i Abrahama efa voafora, sa tamin'izy tsy mbola voafora?**

Mametraka ireo fanontaniana ireo i Paoly mba hanamafisana ny fanamarihana. DH: "Oviana Andriamanitra no nihevitra an'i Abrahama ho marina? Talohan'ny namoràna azy ve? sa taorian'izany?"

##### **Tsy tamin'izy efa voafora fa tamin'izy mbola tsy voafora**

"Niseho talohan'ny namorana azy izany, fa tsy taorian'ny namorana azy"

#### Romans 4:11

##### **mariky ny fahamarinan'ny finoana izay efa nananany raha mbola tsy voafora izy**

Eto ny teny hoe "fahamarinan'ny finoana" dia midika fa noraisin'Andriamanitra ho marina izy. DH: "famantarana hita maso izay nandraisan'Andriamanitra azy ho marina satria nino an'Andriamanitra talohan'ny namorana azy izy"

##### **Midika izany fa ny fahamarinana dia ho isaina ho azy ireo**

Afaka adika hoe DH: "Izany dia midika fa ho raisin'Andriamanitra ho marina izy ireo"

##### **Abrahama dia lasa rain'ny voafora**

Eto ny teny hoe "voafora" dia ilazana ireo mpino an'Andriamanitra marina, na ireo Jiosy na Jentilisa.

##### **manaraka ny dian'ny finoan'ny Abrahama raintsika**

Eto ny teny hoe "manaraka ny dia" dia fomba fiteny izay midika fanarahana ny ohatry ny olona iray. DH: "araho ny ohatry i Abrahama raintsika"

#### Romans 4:13

##### **fampanantenana tamin'i Abrahama sy ireo taranany fa ho mpandova izao tontolo izao**

Afaka adika hoe DH: "fa Andriamanitra dia nampanantena an'i Abrahama sy ireo taranany fa izy ireo dia handova izao tontolo izao"

#### mpandova

Ireo olona izay nanaovan'Andriamanitra fampanantenana dia resahina toy ny hoe handova fananana sy harena avy amin'ny isan'ny fianakaviana.

##### **fa avy amin'ny alalan'ny fahamarinan'ny finoana**

Ny teny hoe "Andriamanitra dia nanome fampanantenana" dia nesorina tao amin'io fehezanteny kanefa efa azo ihany. Afaka adikanao amin'ny fampidirana ireo teny ireo io. DH: "Fa kosa, Andriamanitra dia nanome fampanantenana tamin'ny finoana izay noraisiny ho fahamarinana"

##### **fa ireo izay an'ny lalàna dia mpandova**

Eto ny teny hoe "an'ny lalàna" dia maneho ireo izay mankatoa ny lalàna. DH: "raha ireo izay mankatoa ny lalàna no handova ny tany"

##### **ho foana ny finoana, ary tsinotsinona ny fampanantenana**

"tsy misy lanjany ny finoana ary tsy misy dikany ny fampanantenana"

##### **fa any amin'izay tsy misy lalàna, dia tsy misy fandikan-dalàna**

Afaka adika hoe DH: "fa any amin'izay tsy misy lalàna, dia tsy misy fankatoavana" na "satria eo

amin'izay misy ny lalàna ihany no misy zavatra izay tsy ankatoavin'ny olona."

### Romans 4:16

**Noho izany antony izany dia mitranga amin'ny finoana izany, mba hipetrahan'ny fampanantenana amin'ny fahasoavana**

Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia maneho ny fanomezana maimaimpoan'Andriamanitra. DH: "Izao no antony andraisantsika fampanantenana rehefa matoky an'Andriamanitra isika: mba ho fanomezana maimaimpoana izany"

**toy ny vokatra, ny fampanantenana dia azo antoka ho an'ny taranaka rehetra**  
"mba tena hahazoan'ny taranak'i Abrahama rehetra ny fampanantenana"

**ireo izay mahalala ny lalàna**

Io dia maneho ireo olona Jiosy izay manaraka ny lalàn'i Mosesy.

**ireo izay avy amin'ny finoan'i Abrahama**

Io dia maneho ireo izay manana finoana tahaka an'i Abrahama talohan'ny namorana azy.

**Raintsika rehetra**

Eto ny mpisolo-tena tampisaka "-ntsika" dia manondro an'i Paoly ary ao anatin'izany koa ireo Jiosy rehetra sy ireo tsy Jiosy mpino an'Kristy. Abrahama dia razambe ara-nofon'ireo olona Jiosy, fa izy koa dia ray aram-panahy ho an'ireo izay manana finoana.

**araka ny voasoratra**

Afaka azavaina kokoa hoe aiza izany no voasoratra. Afaka adika hoe DH: "araka izay voasoratra ny olona iray ao amin'ny Soratra Masina"

**Nataoko ho ... ianao**

Eto ny teny "ianaos" dia manondro an'i Abrahama.

**Teo amin'ny fanatrehan'Ilay nitokiany i Abrahama, dia, Andriamanitra izany, izay nanome fiainana ireo maty**

Eto ny teny hoe "Ilay nitokiany" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Abrahama dia teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra izay nitokiany, izay manome fiainana an'ireo izay maty"

**miantso ireo zavatra tsy mbola misy mba hisy.**

Namorina ny zava-drehetra avy amin'ny tsy misy

### Romans 4:18

**Na dia teo aza ireo zava-mitranga ivelany**

Ny hevitra fenon'ny "zava-mitranga ivelany" dia afaka azavaina tsara. DH: "Na dia toa tsy hay atao ho azy intsony aza ny hanana taranaka"

**Ka tonga rain'ny firenena maro izy**

"Ary ny vokatra ny finoan'i Abrahama dia tonga rain'ny firenena maro izy"

**araka izay efa voalaza**

Afaka adika hoe DH: " Araka izay nolazain'Andriamanitra tamin'i Abrahama"

**dia toy izany ny taranakao**

Ny fampanantenana feno izay nomen'Andriamanitra an'i Abrahama dia afaka atao azava kokoa. DH: "Hanana taranaka maro tsy tambo isaina ianao "

**Tsy narefo tamin'ny finoana izy**

Afaka adika hoe DH: "Nitoetra mafy tamin'ny finoany izy"

### Romans 4:20

**tsy nisalasala tamin'ny tsy finoana**

Afaka adika hoe DH: "niasa tamin'ny finoana hatrany"

**niha-nahery tamin'ny finoana**

Afaka adika hoe DH: "Niha-nahery tamin'ny finoany izy"

**Resy lahatra tanteraka izy**

"resy lahatra tanteraka Abrahama"

**afaka tanterahany ihany koa**

'Andriamanitra dia afaka manatanteraka"

**Noho izany dia nisaina ho azy ho fahamarinana izany.**

Afaka adika hoe DH: "Noho izany dia nisain'Andriamanitra ho fahamarinana ny finoan'i Abrahama " na "Noho izany dia noraisin'Andriamanitra ho marina Abrahama satria Nino azy"

### Romans 4:23

**Ary dia**

Ny hoe "Ary" eto dia ampiasaina mba hampifandraisana ny nanamarinana an'i Abrahama tamin'ny finoana amin'ny fanamarinana ny mpino ankehitriny amin'ny finoana ny fahafatesan'i Kristy sy ny fitsanganany tamin'ny maty.

**an'ny tombotsoany irery ihany**

"ho an'i Abrahama irery ihany"

**fa nisaina ho azy izany**

Afaka adika hoe DH: "fa Andriamanitra nanisa izany ho fahamarinana" na "noraisin'Andriamanitra ho Marina izy"

**ho antsika**

Ny mpisolo tena tampisaka "-ntsika" eto dia manondro an'i Paoly ary ao antin'izany koa ny mpino ao amin'i Kristy.

**Nosoratana ho antsika ihany koa izany, ho an'izay hanisana izany, isika izay mino**

Afaka adika hoe DH: "izany dia ho an'ny tombotsoantsika ihany koa, satria ho

raisin'Andriamanitra ho marina ihany koa isika raha mino"

**Azy izay nanangana**  
"Andriamanitra, izay nanangana"

**Izy ilay iray natolotra noho ireo fahotantsika**  
Afaka adika hoe DH: "Izy ilay iray izay natolotr'Andriamanitra teo amin'ireo izay namono azy"

---

**natsangana mba hanamarina antsika.**

Afaka adika hoe DH: "ary natsangan'Andriamanitra ho velona mba hahafahan'Andriamanitra manamarina antsika eo aminy"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Satria nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia manana fiadanana miaraka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Tompontosika Jesosy Kristy. <sup>2</sup> Amin'ny alalany ihany koa no ananantsika lalana amin'ny finoana mankao amin'izany fahasoavana izay ijoroantsika izany. Miravoravo amin'ny fahatokiana omen'Andriamanitra anay amin'ny ho avy izahay, fahatokiana izay ho zaraintsika ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra. <sup>3</sup> Tsy amin'izany ihany, fa isika ihany koa dia mifaly ao amin'ny fahoriantika. Fantantsika fa ny fahoriana dia mamokatra faharetana. <sup>4</sup> Ny faharetana miteraka fankatoavana, ary ny fankatoavana miteraka fahatokiana ho amin'ny hoavy. <sup>5</sup> Izany toky izany dia tsy mandiso fanantenana, satria ny fitiavan'Andriamanitra dia efa narotsaka tao am-pontosika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay nomena antsika. <sup>6</sup> Fa raha mbola nalemy isika, dia maty ara-potoana ho an'ny ratsy fanahy Kristy. <sup>7</sup> Fa sarotra ho an'ny olona iray ny ho faty ho an'ny olo-marina. Fa, angamba mety misy olona iray sahy ho faty ho an'ny olona tsara. <sup>8</sup> Fa Andriamanitra maneho ny fitiavany manokana ho antsika, satria raha mbola mpanota isika, dia maty ho antsika Kristy. <sup>9</sup> Mihoatra noho izany aza, ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin'ny ràny isika, dia ho voavonjin'izany amin'ny fahatezeran'Andriamanitra. <sup>10</sup> Fa raha, mbola fahavalo isika, dia nihavana tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahafatesan'ny Zanany, ary mihoatra noho izany, rehefa avy nampihavanina, dia ho voavonjy amin'ny alalan'ny ainy isika. <sup>11</sup> Ary tsy izany ihany, fa isika ihany koa dia mifaly ao amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Tompontosika Jesosy Kristy, izay nahazoantsika izany fihavanana izany ankehitriny. <sup>12</sup> Noho izany ary, toy ny nidiran'ny ota tamin'ny olona iray tamin'izao tontolo izao, dia toy izany koa no nidiran'ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny ota. Ary ny fahafatesana dia niely tamin'ny olona rehetra, satria samy nanota avokoa ny rehetra. <sup>13</sup> Nandra-pisian'ny lalàna, dia teto amin'izao tontolo izao ny ota, fa tsy misy fanisan-keloka rehefa tsy misy lalàna. <sup>14</sup> Nefa na izany aza, ny fahafatesana dia nanjaka nanomboka tamin'i Adama ka hatramin'i Mosesy, na dia teo amin'ireo izay tsy nanota tahaka ny tsy fankatoavan'i Adama aza, izay tandindon'Ilay ho avy. <sup>15</sup> Nefa na izany aza, ny fanomezana dia tsy tahaka ny fahadisoana. Fa raha tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray no nahafaty ny maro, dia mihoatra lavitra no nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanomezana avy amin'ny fahasoavan'Ilay olona iray, Jesosy Kristy, nomena be ho an'ny maro. <sup>16</sup> Fa ny fanomezana dia tsy tahaka ny vokatry avy amin'ilay iray izay nanota. Fa amin'ny lafiny iray, tonga ny fitsarana ho fanamelohana nohon'ny fahadisoan'ny olona iray. Fa amin'ny lafiny iray hafa, ny fanomezana miafara amin'ny fanamarinana dia tonga taorian'ny fahadisoana maro. <sup>17</sup> Fa raha, tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray, no hanjakan'ny fahafatesana amin'ny iray, dia mihoatra lavitra noho izany ny hanjakan'ireo izay mandray ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny fiainan'ilay iray, dia Jesosy Kristy. <sup>18</sup> Noho izany ary, satria tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray no nahatonga ny olona ho amin'ny fanamelohana, dia amin'ny alalan'ny asan'ny fahamarinan'ny iray ihany koa no hatongavan'ny fanamarinana ny fiainana ho an'ny olona rehetra. <sup>19</sup> Fa satria avy amin'ny tsy fankatoavan'ny olona iray no nahatonga ny maro ho mpanota, dia amin'ny alalan'ny fankatoavan'ny iray ihany koa no nahatonga ny maro ho marina. <sup>20</sup> Fa tonga tao amin'izany ny lalàna, mba ho lehibe ny fahadisoana. Nefa raha nialehibe ny fahotana, dia vao maika nialehibe ny fahasoavana. <sup>21</sup> Nitranga izany mba, tahaka ny nanjakan'ny fahotana tamin'ny fahafatesana, dia toy izany koa no hanjakan'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny fahamarinana ho amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika.

### Romans 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manomboka milaza zavatra maro samihafa izay mitranga rehefa manamarina ireo mpino ao aminy Andriamanitra.

#### isika .... tsika

Ny "isika" sy "-ntsika" rehetra eto dia manondro ireo mpino rehetra.

**amin'ny alalan'ny Tompontosika Jesosy Kristy**  
"noho i Jesosy Kristy Tompontosika"

#### Tompo

Eto ny teny hoe "Tompo" dia midika fa Jesosy dia Andriamanitra.

#### Amin'ny alalany ihany koa no ananantsika lalana amin'ny finoana mankao amin'izany fahasoavana izay ijoroantsika izany.

Eto ny teny hoe "amin'ny finoana" dia maneho ny fitokiantika amin'i Jesosy, izay mamela antsika hijoro eo anoloan'Andriamanitra. DH: "Satria matoky an'i Jesosy isika, dia mamela antsika hankeo amin'ny fanatrehany Andriamanitra"

**Romans 5:3****Tsy amin'izany ihany**

Ny teny hoe "izany" dia milaza ny hevitra voalaza tao amin'ny 5:1.

**isika ... tsika ... antsika**

Ny "isika" sy "-ntsika" rehetra eto dia manondro ireo mpino rehetra.

**fanekena**

Ny teny hoe "fanekena" dia maneho ny faneken'Andriamanitra antsika.

**fahatokiana ho amin'ny hoavy**

izany dia ny fananana antoka fa Andriamanitra dia hanatanteraka ny fampanantenany rehetra ho an'ireo izay matoky an'Kristy.

**Izany toky izany dia tsy mandiso fanantenana**

Mampiasa io fehezanteny io i Paoly ary miresaka momba ny "toky" toy ny hoe velona. DH: "Isika dia tena matoky fa handray ireo zavatra izay andrasantsika"

**Romans 5:6****isika**

Ny "isika" sy "-ntsika" rehetra eto dia manondro ireo mpino rehetra.

**Fa sarotra ho an'ny olona iray ny ho faty ho an'ny olo-marina**

"Sarotra ny mahita olona izay vonona ny ho faty, na dia ho ana olo-marina aza"

**Fa, angamba mety misy olona iray sahy ho faty ho an'ny olona tsara.**

"Nefa mety hahita olona izay vonona ny ho faty ho an'ny olona tsara tahaka izany ianareo"

**Romans 5:8****naneho**

Afaka adika hoe DH: "nampibaribary" na "naneho"

**antsika ... isika**

Ny "isika" sy "-ntsika" rehetra eto dia manondro ireo mpino rehetra.

**Mihoatra noho izany, aza, ankehitriny rehefa nohamarinina tamin'ny ràny isika, dia ho voavonjy amin'izany fahatezeran'Andriamanitra izany.**

Eto ny teny hoe "nohamarinina" dia midika fa Andriamanitra dia mametraka antsika ho amin'ny fifandraisana marina miaraka aminy. Afaka adika hoe DH: "Toy ny ahoana ny haben'izay ho ataon'Andriamanitra ho antsika satria efa nohamarininy teo aminy nohon'ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana isika ankehitriny"

**rà**

Izany dia azo atao hoe solo vaikan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana.

**voavonjy**

Izany dia midika fa amin'ny alalan'ny sorona nataon'i Jesosy izay maty teo amin'ny hazo fijaliana, dia namela antsika Andriamanitra ary namonjy antsika tamin'ny famaizana any amin'ny helo noho ny fahotantsika.

**fahatezeran'Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "fahatezerana" dia ilazana ny sazin'Andriamanitra ho an'ireo izay nanota Aminy. DH: "Famaizan'Andriamanitra"

**Romans 5:10****isika ...**

Ny "isika" sy "-ntsika" rehetra eto dia manondro ireo mpino rehetra.

**ny Zanany ... ny ainy**

"Zanak'Andriamanitra ... ny ain'ny zanak'Andriamanitra"

**ia nihavana tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahafatesan'ny Zanany**

Ny fahafatesan'ny Zanak'Andriamanitra dia nanome famelana mandrakizay ary nahatonga antsika ho mpinamana amin'Andriamanitra. Azonao adika hoe DH: "Namela antsika hanana fifandraisana feno fihavanana aminy Andriamanitra satria maty ho antsika ny Zanany lahy"

**Zanaka**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra io.

**rehefa avy nampihavanina**

Afaka adika hoe DH: "rehefa nataon'Andriamanitra ho namany indray isika"

**Romans 5:12****Fampifandraisana foto-kevitra:**

Paoly eto dia manazava hoe nahoana ny fahafatesana no nitranga na dia talohan'ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàn'i Mosesy aza.

**tamin'ny alalan'ny olona iray tamin'izao tontolo izao, dia toy izany koa no nidiran'ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny ota**

I Paoly eto dia mamaritra ny ota toy ny hoe zava-doza izay tonga teo amin'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny asan'ny "olona iray," Adama. Izany ota izany avy eo no nanjary lalana misokatra izay, nidiran'ny fahafatesana, izay atao toy ny hoe zava-doza iray hafa, teto amin'izao tontolo izao ihany koa.

**Nandra-pisian'ny lalàna, dia teto amin'izao tontolo izao ny ota**

Izany dia midika fa ny olona dia nanota talohan'ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna. DH: "Efa nanota ny olona teto amin'izao tontolo izao talohan'ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàny tamin'i Mosesy"

**fa tsy misy fanisan-keloka rehefa tsy misy lalàna**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia tsy miampana ny olona tamin'ny fahotana talohan'ny nanomezany ny lalàna. DH: "Fa Andriamanitra dia tsy mitahirany fahotana manohitra ny lalàna tahohan'ny nanomezany ny lalàna"

## Romans 5:14

**Nefa na izany aza**

"Nefa" na "Tsy nisy lalàna voasoratra tamin'ny andron'i Adama ka hatramin'ny andron'i Mosesy, nefa." Ny teny hoe "Nefa na izany aza" dia mampifandray an'ity fizarana ity amin'ny andininy vao teo aloha teo.

**ny fahafatesana dia nanjaka nanomboka tamin'i Adama**  
Ataon'i Paoly toy ny hoe mpanjaka izay nanapaka ny fahafatesana. DH: "vokatry ny fahotan'izy ireo dia maty hatrany ny olona nanomboka tamin'ny andron'i Adama ka hatramin'ny andron'i Mosesy "

**na dia teo amin'ireo izay tsy nanota tahakan' ny tsy fankatoavan'i Adama aza,**

"Na dia ny olona izay manana ota hafa noho ny an'i Adama aza dia mbola ho faty hatrany"

**izay tandindon'ilay ho avy**

Adama no tandindon'i Kristy, izay naseho efa taloha be. Betsaka ny zavatra iraisany aminy.

**Fa raha tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray no nahafaty ny maro**

Eto ny teny hoe "iray" dia manondro an'i Adama. DH: "Fa raha tamin'ny fahotan'ny olona iray no maty ny maro"

**dia mihoatra lavitra no nataon'ny**

**fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanomezana avy amin'ny fahasoavan'Ilay olona iray, Jesosy Kristy, nomena be ho an'ny maro.**

Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia maneho ny fanomezana maimaimpoan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. DH: "mihoatra noho izany aza, tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy izay maty ho antsika rehetra, no hanomezan'Andriamanitra antsika amin'ny hatsram-panahy ny fanomezan'ny fiainana maharitra mandrakizay, na dia tsy mendrika izany aza isika"

## Romans 5:16

**Fa ny fanomezana dia tsy tahaka ny vokatra avy amin'ilay iray izay nanota**

Eto ny teny hoe "fanomezana" dia ilazana ny famafan'Andriamanitra maimaimpoana rakitry ny

otantsika. DH: "Ny fanomezana dia tsy tahaka ny vokatry ny fahotan'i Adama"

**Fa amin'ny lafiny iray, tonga ny fitsarana ho fanamelohana nohon'ny fahadisoan'ny olona iray. Fa amin'ny lafiny iray hafa**

Eto i Paoly dia manome antony roa ny amin'ny hoe "Ny fanomezana dia tsy tahaka ny vokatry ny fahotan'i Adama." Ny fehezanteny hoe "Fa amin'ny lafiny iray" sy "fa amin'ny lafiny iray hafa" dia mampiditra ny fomba roa samihafa iheverana zavatra. Ny teny hoe "fitsarana ho fanamelohana" dia manambara fa isika rehetra dia mendrika ny sazin'Andriamanitra noho ireo fahotantsika. DH: "Satria etsy andaniny, Andriamanitra dia manambara fa ny olona rehetra dia mendrika ny ho faizina noho ny fahotan'ny olona iray, nefa etsy ankilany kosa"

**ny fanomezana maimaimpoana dia mifara amin'ny fanamarinana**

Izany dia maneho ny fomba hanamarinan'Andriamanitra antsika ao aminy na dia tsy mendrika izany aza isika. DH: "Ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra amin'ny fanamarinana antsika eo aminy"

**taorian'ny fahadisoana maro**

"taorian'ny fahotan'ny maro"

**fahadisoan'ny iray**

Io dia maneho ny fahotan'i Adama.

**hanjakan'ny fahafatesana**

Eto i Paoly dia miresaka momba ny "fahafatesana" toy ny hoe mpanjaka izay nanapaka. Ny "fitsipiky" ny fahafatesana no mahatonga ny olon-drehetra ho faty. DH: "maty ny olona rehetra"

**fiainan'ilay iray**

Izany dia maneho fiainan'i Jesosy Kristy.

## Romans 5:18

**tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray**

"tamin'ny alalan'ny fahotana iray izay nataon'i Adama" na "noho ny fahotan'i Adama"

**nahatonga ny olona amin'ny fanamelohana**

Eto ny teny hoe "fanamelohana" dia milaza ny sazin'Andriamanitra. DH: "ny olona rehetra dia mendrika ny sazin'Andriamanitra noho ny fahotana"

**asa .. iray**

Ny soron'i Jesosy Kristy

**ny fanamarinan'ny fiainana ho an'ny olona rehetra**

Eto ny teny hoe "fanamarinana" dia maneho ny fahafahan'Andriamanitra manamarina ny olona ao aminy. DH: "Ny fanomezan'Andriamanitra mba hanamarinana ny olona rehetra ao aminy"

**tsy fankatoavan'ny olona iray**

ny tsy fankatoavan'i Adama



**hahatonga ny maro ho marina**

Afaka adika hoe. DH: "Andriamanitra dia hanamarina olona maro ao aminy"

**Romans 5:20****Fa tonga tao amin'izany ny lalàna**

Eto i Paoly dia miresaka momba ny lalàna toy ny hoe olona. DH: "Andriamanitra nanome ny lalàny ho an'i Mosesy"

**mba ho lehibe ny fahadisoana**

Resahin'i Paoly toy ny hoe velona ny "fahadisoana" na fahotana. DH: "mba ho tsapan'ny olona ny halehiben'ny ota nataon'izy ireo"

**nialehibe**

"nitombo"

**vao maika nialehibe ny fahasoavana**

Eto ny teny "fahasoavana" dia ilazana ny fitahian'Andriamanitra izay tsy mendrika antsika. DH: "Nanohy naneho hatsaram-panahy tamin'izy ireo hatrany, tamin'ny fomba izay tsy mendrika azy ireo Andriamanitra"

**tahaka ny nanjakan'ny fahotana tamin'ny fahafatesana**

Eto Paoly dia miresaka ny "fahotana" toy ny hoe mpanjaka izay manapaka. DH: "ny vokatry fahotana dia fahafatesana"

**dia toy izany koa no hanjakan'ny fahasoavana amin'ny****alalan'ny fahamarinana ho amin'ny fiainana****mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika.**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mpanjaka izay manapaka ny "fahasoavana" eto. DH: "ny fahasoavana dia nanome fiainana maharitra mandrakizay tamin'ny alalan'ny fahamarinan'i Jesosy Kristy Tompontosika"

**hanjakan'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny****fahamarinana**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mpanjaka izay manapaka ny "fahasoavana" eto. Ny teny hoe "fahamarinana" dia ilazana ny fahafahan'Andriamanitra manamarina ny olona eo aminy. DH: " mba hahafahan'Andriamanitra manome ny fanomezany maimaimpoana ho an'ireo olona mba hanamarinana azy ireo eo aminy"

**Tompontosika**

Ampidirin'i Paoly ao amin'izany ny tenany, sy ireo mpamaky, ary ireo mpino rehetra.

## Chapter 6

<sup>1</sup> Inona ary no ho lazaintsika? Tokony hanohy amin'ny fahotana ve isika mba hitomboan'ny fahasoavana? <sup>2</sup> Tsy hisy mihitsy anie izany. Isika izay maty ny amin'ny ota, amin'ny fomba ahoana moa no mbola hiainantsika amin'izany ihany? <sup>3</sup> Tsy fantatrarao ve fa ireo rehetra natao batisa tao amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa tao amin'ny fahafatesany? <sup>4</sup> Koa, voalevina, niaraka taminy tamin'ny alalan'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika. Nitranga izany mba ho toy ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray, no andehanantsika amin'ny fiainam-baovao ihany koa. <sup>5</sup> Fa raha mikambana Aminy amin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia hikambana amin'ny fitsanganany ihany koa. <sup>6</sup> Fantantsika izany, fa ny tenantsika taloha dia nofantsihana niaraka taminy, mba hamotehana ny tenan'ny ota. Nitranga izany mba ho andevozin'ny ota intsony isika. <sup>7</sup> Izy izay maty dia nambara fa marina sady afaka amin'ny fahotana. <sup>8</sup> Fa raha maty niaraka tamin'i Kristy isika, dia mino fa hira-belona Aminy ihany koa. <sup>9</sup> Isika dia mahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty Kristy, ary tsy maty intsony Izy. Tsy manjaka Aminy intsony ny fahafatesana. <sup>10</sup> Fa raha ny momba ny fahafatesana dia maty nohon'ny amin'ny fahotana Izy, maty indray mandeha ho an'ny rehetra Izy. Kanefa, ny fiainana izay hiainany dia iainany ho an'Andriamanitra. <sup>11</sup> Dia tahaka izany, tsy maintsy mihevitra ny tenanareo ho efa maty amin'ny fahotana ihany koa ianareo, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>12</sup> Noho izany aza avela hanjaka ao amin'ny tenanareo mety maty ny ota mba hanarahanareo ny filàn-dratsy. <sup>13</sup> Aza atolotra ho an'ny fahotana ny ratsam-batanareo, ho fitaovana ampiasaina amin'ny tsy fahamarinana. Fa atolory ho an'Andriamanitra ny tenanareo, toy ny nitsangana tamin'ny maty izay velona ankehitriny. Ary atolory ho an'Andriamanitra ny ratsam-batanareo mba ho fitaovana ampiasaina amin'ny fahamarinana. <sup>14</sup> Aza avela hanjaka aminareo ny ota. Satria tsy ambanin'ny lalàna ianareo, fa ambanin'ny fahasoavana. <sup>15</sup> Ka inona ary? Tokony hanota ve isika satria tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Tsy hisy mihitsy anie izany. <sup>16</sup> Tsy fantatrarao ve fa ilay iray izay anoloranareo ny tenanareo ho mpanompo dia ilay iray izay ho hankatoavinareo, ilay hany tsy maintsy hankatoavinareo? Marina izany na mpanompon'ny fahotana izay mitarika any amin'ny fahafatesana ianareo, na mpanompon'ny fankatoavana izay mitarika any amin'ny fahamarinana. <sup>17</sup> Fa isaorana Andriamanitra! Satria efa mpanompon'ny fahotana ianareo, kanefa nankatoa tao am-ponareo ny fomba fampianarana izay nomena anareo. <sup>18</sup> Nafahana tamin'ny ota ianareo, ary natao mpanompon'ny fahamarinana. <sup>19</sup> Miteny tahaka ny olona aho noho ny fahalemen'ny nofonareo. Satria vantany vao nanolotra ny ratsam-batanareo ho andevon'ny fahalotoana sy ny ratsy ianareo, dia tahaka izany koa izao, atolory ho andevon'ny fahamarinana ho amin'ny fahamasinana ny ratsam-batanareo. <sup>20</sup> Fa fony ianareo andevon'ny ota, dia afaka tamin'ny fahamarinana. <sup>21</sup> Amin'izao, inona ary no vokatra azonareo tamin'ireo zavatra izay mahamenatra anareo ankehitriny? Satria ny vokatr'ireny zavatra ireny dia ny fahafatesana. <sup>22</sup> Fa ankehitriny rehefa nafahana tamin'ny ota ianareo ary tonga mpanompon'Andriamanitra, dia mijinja ny fahamasinana. Ny vokatra dia ny fiainana mandrakizay. <sup>23</sup> Fa ny tambin'ny ota dia fahafatesana, fa ny fanomezan'Andriamanitra kosa dia ny fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika.

### Romans 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ambany fahasoavana, Paoly dia miteny amin'ireo izay mino an'i Jesosy mba hiaina fiainana vaovao, toy ny maty tamin'ny fahotana ary velona ho an'Andriamanitra.

#### Inona ary no ho lazaintsika? Tokony hanohy amin'ny fahotana ve isika mba hitomboan'ny fahasoavana?

Mametraka ireo fanontaniana fampisainana ireo i Paoly mba hisarihana ny sain'ny mpamaky. DH: "Noho izany, inona ary no tokony ho lazaintsika momba izany rehetra izany? Tsy tokony hanohy ny fahotana mihitsy isika mba hanomezan'Andriamanitra fahasoavana miamby ampy antsika!"

#### lazaintsika

Ny mpisolo-tena "isika" dia manondro an'i Paoly, ny mpamaky, ary ny olona hafa.

#### Isika izay maty ny amin'ny ota, amin'ny fomba ahoana moa no mbola hiainantsika amin'izany ihany?

Eto ny teny hoe "maty tamin'ny ota" dia midika fa ireo izay manaraka an'i Jesosy dia toy ny olona maty izay tsy mety voakasiky ny fahotana. Mampiasa io fanontaniana fampisainana io i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Ankehitriny isika dia toy ny olona maty izay tsy voakasiky ny fahotana! Koa tsy tokony hanohy ny fahotana velively isika!"

#### Tsy fantatrarao ve fa ireo rehetra natao batisa tao amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa tao amin'ny fahafatesany?

Mampiasa io fanontaniana io i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Tadidio, rehefa nisy olona nanao batisa antsika mba hampisehoana fa manana

fifandraisana amin'i Kristy isika, dia mampiseho ihany koa izany fa maty niaraka tamin'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana isika!

### Romans 6:4

**Koa, voalevina, niaraka taminy tamin'ny alalan'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika**

Eto Paoly dia miresaka momba batisan'ireo mpino amin'ny rano ho toy ny hoe fahafatesana ary fandevenana. DH: "Rehefa misy olona manao batisa antsika, dia toy ny hoe nandevina antsika niaraka tamin'i Kristy tao am-pasana izany olona izany"

**toy ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray, no andehanantsika amin'ny fiainambaovao ihany koa**

Izany dia mampitaha ny fiainana ara-panahy vaovaon'ny mpino iray amin'ny fahaveloman'i Jesosy ara-nofo indray. Ny fiainana ara-panahy vaovaon'izany mpino izany no mahatonga azy hankatoa an'Andriamanitra. Afaka adika hoe DH: "tahaka ny nameloman'Andriamanitra an'i Jesosy indray taorian'ny nahafatesany, isika koa dia hanana fiainam-panahy vaovao ary hankatoa an'Andriamanitra"

**mikambana Aminy amin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia hikambana amin'ny fitsanganany ihany koa.** Paoly dia mampitaha ny fifandraisantsika miaraka amin'i Kristy amin'ny fahafatesana. Ireo izay niray tamin'i Kristy tao amin'ny fahafatesana dia hananjara amin'ny fitsanganany. Afaka adika hoe DH: "maty niaraka taminy ... nitsangana tamin'ny maty miaraka aminy"

### Romans 6:6

**ny tenantsika taloha dia nofantsihana niaraka taminy** Ny teny hoe "ny tenantsika taloha" dia sarin-teny ilazana ilay olona talohan'ny ninoany an'i Jesosy. Faritan'i Paoly toy hoe maty teo amin'ny hazo fijaliana niaraka tamin'ny Jesosy ny tenantsika feno fahotana taloha, rehefa mino an'i Jesosy isika. Afaka adika hoe. DH: "ny fahotantsika dia maty teo amin'ny hazo fijaliana niaraka tamin'i Jesosy"

**ny tenantsika taloha**

Izany dia midika hoe ilay olona taloha, nefa dia tsy izy intsony ankehitriny.

**tenan'ny ota**

Io teny io dia ilazana ny ilay olona feno fahotana manontolo DH: "ny toetrantsika feno fahotana"

**mba hamotehana**

Afaka adika hoe DH: "mba ho faty"

**tsy ho andevozin'ny ota intsony isika**

Mampitaha ny herin'ny fahotana eo amin'ny olona amin'ny tompo izay mifehy ny andevo i Paoly. Ny olona tsy misy Fanahy Masina dia olona tsy afaka manao izay mahafaly an'Andriamanitra. Afaka adika

hoe DH: "tsy tokony hisafidy hanao izay ota intsony isika"

**Izy izay maty dia nambara fa marina sady afaka amin'ny fahotana.**

Eto ny teny hoe "marina" dia ilazana ny fahafahan'Andriamanitra manamarina ny olona ao aminy. Afaka adika hoe DH: "Rehefa manambara ny olona ho marina ao aminy Andriamanitra, dia tsy ho fehezina'ny ota intsony izany olona izany"

### Romans 6:8

**maty niaraka tamin'i Kristy isika**

Eto ny teny hoe "maty" dia maneho ny zava-misy fa ireo mpino dia tsy fehezina'ny fahotana intsony.

**Isika dia mahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty Kristy**

Afaka adika hoe DH: "Fantantsika fa Andriamanitra dia namelona an'i Kristy indray taorian'ny nahafatesany"

**Tsy manjaka Aminy intsony ny fahafatesana.**

Eto ny teny hoe "fahafatesana" dia voafaritry ho toy ny mpanjaka na mpanapaka izay manana fahefana amin'ny olona. DH: "Tsy hiverina ho faty intsony Izy"

### Romans 6:10

**Fa raha ny momba ny fahafatesana dia maty nohon'ny amin'ny fahotana Izy, maty indray mandeha ho an'ny rehetra Izy**

Ny teny hoe "indray mandeha ho an'ny rehetra" dia midika fahavitan-javatra tanteraka. DH: "Fa rehefa maty izy dia nopotehiny tanteraka ny herin'ny fahotana"

**Dia tahaka izany, tsy maintsy mihevitra** "Noho izany antony izany dia hevero"

**mihevitra ny tenanareo**

"hevero ho toy ... ny tenanareo" na "ataovy toy ... ny tenanareo"

**ho maty amin'ny fahotana**

Toy ny tsy fahafahan'ny olona iray manery ny faty hanao na inona na inona, ny fahotana koa dia tsy manana hery ahafahana manery ny mpino tsy hankatoa an'Andriamanitra. DH: "toy ny hoe maty manoloana ny herin'ny ota ianareo"

**maty noho ny amin'ny fahotana, fa velona ho an'Andriamanitra**

"maty manoloana ny herin'ny fahotana, fa velona hanome voninahitra an'Andriamanitra"

**velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy** "velona hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hery nomen'i Kristy Jesosy anareo"

**Romans 6:12****Fampifandraisana foto-kevitra:**

Mampatsiahy antsika i Paoly fa ny fahasoavana no manapaka eo amintsika, fa tsy lalàna; isika dia tsy andevon'ny fahotana, fa andevon'Andriamanitra.

**aza avela hanjaka ny ota ... Aza avela hanjaka aminareo ny ota**

Paoly dia mamaritra ny fahotana ho toy ny mpanjakan'ny olona na tompo.

**tenanareo mety maty**

Io teny io dia maneho ny ratsam-batan'ny olona, izay ho faty. DH: "ianareo"

**mba hanarahanareo ny filàn-dratsy**

Amin'ny maha-topmo azy, dia tian'ny "fahotana" ireo mpanota mba hankatoa ireo didiny hampanao zava-dratsy.

**Aza atolotra ho an'ny fahotana ny tenanareo, ho fitaovana ampiasaina amin'ny tsy fahamarinana**

Ny kisarisary eto dia fanoloran'ny mpanota ny "ratsam-batany" ho an'ny tompo na mpanjakan'ny. Ny "ratsam-batany" dia teny ilazana ny maha-olona manontolo. DH: "Aza atolotra ho an'ny fahotana ny tenanareo mba anaovanareo izay tsy marina"

**Fa atolory ho an'Andriamanitra ny tenanareo, toy ny nitsangana tamin'ny maty izay velona ankehitriny**

Eto ny teny hoe "izay velona ankehitriny" dia maneho ny fiainam-panahy vaovao'ny mpino. DH: "Fa atolory ho an'Andriamanitra ny tenanareo, satria nanolotra fiainam-panahy vaovao ho anareo Izy"

**atolory ho an'Andriamanitra ny ratsam-batanareo mba ho fitaovana ampiasaina amin'ny fahamarinana**

Eto ny teny hoe "ratsam-batanareo" dia ilazana ny maha-olona manontolo. DH: "avelao Andriamanitra hampiasa anareo amin'izay mahafaly Azy"

**Aza avela hanjaka aminareo ny ota**

Ataon'i Paoly toy ny hoe mpanjaka izay manapaka eo amin'ny olona ny "fahotana" eto. DH: "Aza avela hifehy izay ataonareo ny filan'ny ota" na "Aza avela hanao ireo zavatra feno fahotana tianareo hatao ny tenanareo"

**Satria tsy ambanin'ny lalàna ianareo**

Ny eo "ambanin'ny lalàna" dia midika fanekena ireo fetrany sy ireo fahalemeny. Afaka adika hoe DH: "Fa tsy voafatotry ny lalàn'i Mosesy intsony, izay tsy afaka nanome hery anareo hitsahatra hanota"

**fa ambanin'ny fahasoavana**

Ny eo "ambanin'ny fahasoavana" dia midika fa ny fanomezan'Andriamanitra maimaimpoana dia manome ny hery hialana amin'ny fahotana. DH: "fa ianareo dia voafatotry ny fahasoavan'Andriamanitra, izay manome anareo hery hitsahatra amin'ny fahotana"

**Romans 6:15****Ka inona azy? Tokony hanota ve isika satria tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Tsy hisy mihintsy anie izany**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanindriana fa ny miaina ao ambanin'ny fahasoavana dia tsy irika hanotana. DH: "Na izany aza, satria isika dia voafatotry ny fahasoavana fa tsy ny lalàn'i Mosesy, dia tsy midika velively izany fa mahazo alalana ny hanota isika"

**Tsy hisy mihintsy anie izany**

"isika dia tsy maniry ny hitrangan'izany!" na "Andriamanitra anie hanampy ahy mba tsy hanao izany!" Izany fomba fiteny izany dia maneho faniriana mafy ny tsy hisian'izany. Mety manana fomba fiteny mitovy amin'izany ianao amin'ny fitenin'ny azy afaka ampiasanao izany eto. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 3:31.

**Tsy fantatrareo ve fa ilay iray izay anoloranareo ny tenanareo ho mpanompo dia ilay iray izay ho hankatoavinareo, ilay hany tsy maintsy hankatoavinareo?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana izay olona mihevitra fa ny fahasoavan'Andriamanitra irika hanotana hatrany. Afaka adika hoe DH: "Tokony ho fantatrareo fa ianareo dia andevon'ny tompo izay nosafidinareo ho ankatoavina!"

**Marina izany na mpanompon'ny fahotana izay mitarika any amin'ny fahafatesana ianareo, na mpanompon'ny fankatoavana izay mitarika any amin'ny fahamarinana**

Eto, i Paoly dia mamaritra ny "fahotana" sy "fankatoavana" ho toy ny tompo izay tompoin'ny andevo. DH: "Ianareo dia andevon'ny fahotana, izay mifara amin'ny fahafatesana ara-panahy, na andevon'ny fankatoavana ianareo, izay mifara amin'ny fanaovana ireo zavatra izay tian'Andriamanitra ataonareo"

**Romans 6:17****Fa isaorana Andriamanitra**

"Fa misaotra an'Andriamanitra aho!"

**Satria efa mpanompon'ny fahotana ianareo**

Eto ny teny hoe "fahotana" dia voafaritry ho toy ny tompo izay tompoin'ny andevo. Ary koa, ny "fahotana" dia maneho ny hery izay monina ao amintsika ka mampisafidy antsika hanao izay ota. DH: "Satria ianareo dia andevon'ny herin'ny fahotana"

**kanefa nankatoa tao am-ponareo**

Eto ny teny hoe "fo" dia maneho ny fananana fahatsoram-po na antony marina hanaovana zavatra iray. DH: "kanefa tena nankatoa ianareo"

**ny fomba fampianarana izay nomena anareo**

Eto ny teny "fomba" dia ilazana ny fomba fiainana izay mitondra makany amin'ny fahamarinana.

Manova ny fomba fiainany taloha ireo mpino mba hifanaraka tsara ny fomba fiainana vaovao izay ampianarin'ny mpitarika Kristiana azy ireo. Afaka adika hoe. DH: "ny fampianarana izay nomen'ny mpitarika Kristiana anareo"

**nafahana tamin'ny ota ianareo**

Afaka adika hoe DH: "Kristy dia nanafaka anareo tamin'ny herin'ny fahotana"

**ary natao mpanompon'ny fahamarinana**

"mpanompo amin'ny fanaovana izay marina ianareo ankehitriny"

**Romans 6:19**

**Miteny tahaka ny olona aho**

"Eto dia mampiasa ny ohatra avy amin'ny andavanandro aho"

**noho ny fahalemen'ny nofonareo**

Mampiasa matetika ny teny hoe "nofo" hifanohitra amin'ny "fanahy" i Paoly. DH: "satria ianareo tsy mahatakatra tanteraka ireo zavatra ara-panahy"

**nanolotra ny ratsam-batanareo ho andevon'ny fahalotoana sy ny ratsy**

Eto ny teny hoe "ratsam-batana" dia ilazana ny maha-olona manontolo. DH: "nanolotra ny tenanareo ho andevon'ny zava-drehetra izay ratsy sady tsy mahafaly an'Andriamanitra"

**atolory ho andevon'ny fahamarinana ho amin'ny fahamasinana ny ratsam-batanareo**

Eto ny teny hoe "ratsam-batana" dia ilazana ny maha-olona manontolo. DH: "atolory ho

andevon'izay marina eo anatrehan'Andriamanitra ny tenanareo mba hanokanany anareo ary hanomezany anareo hery hanompo Azy"

**Amin'izao, inona ary no vokatra azonareo tamin'ireo zavatra izay mahamenatra anareo ankehitriny?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanindriana fa ny fahotana dia miafara amin'ny zavatra ratsy. DH: "Tsy nahazo na inona na inona tamin'ny fanaovana ireo zavatra izay nahamenatra anareo ianareo "

**Romans 6:22**

**Fa ankehitriny rehefa nafahana tamin'ny ota ianareo ary tonga mpanompon'Andriamanitra**

Afaka adika hoe DH: "Fa ankehitriny rehefa nafahan'i Kristy tamin'ny fahotana ary nakambany tamin'Andriamanitra ianareo"

**Ny vokatra dia ny fiainana**

"ary ny vokatra izany rehetra izany dia ho velona mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra ianareo"

**Fa ny tambin'ny ota dia fahafatesana**

Ny teny hoe "tambin'ny" dia ilazana ny karama omena ny olona noho ny asany. "Fa raha manompo ny fahotana ianareo, dia hahazo fahafatesana ara-panahy ho tambiny" na "Fa raha manohy amin'ny fahotana ianareo, dia hanafay anareo amin'ny fahafatesana ara-panahy Andriamanitra"

**fa ny fanomezan'Andriamanitra kosa dia ny fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika.**

"fa Andriamanitra dia manome fiainana mandrakizay maimaimpoana ho an'ireo izay an'i Kristy Jesosy Tompontosika"

## Chapter 7

<sup>1</sup> Sa tsy fantarareo, ry rahalahy (satria miresaka amin'ny olona mahay ny momba ny lalàna aho), fa ny lalàna dia mibaiko ny olona iray raha mbola velona koa izy? <sup>2</sup> Fa ny vehivavy izay manambady dia voafatotry ny lalàna amin'ny vadiny raha mbola velona izy, fa raha maty ilay vadiny, dia afaka amin'ny lalàna ny fanambadiana izy. <sup>3</sup> Noho izany, raha mbola velona ny vadiny, raha toa ka miray amina lehilahy hafa izy, dia ho antsoina hoe mpijangajanga izy. Fa raha maty ilay vadiny, dia afaka amin'ny lalàna izy, ka tsy mpijangajanga izy raha toa ka miray amina lehilahy hafa. <sup>4</sup> Noho izany, ry rahalahiko, dia natao maty tamin'ny lalàna ihany koa ianareo tamin'ny alalan'ny tenan'i Kristy. Natao izany mba hikambananareo amin'ny hafa, izany hoe, amin'Izy izay natsangana tamin'ny maty, mba hafahantsika mamokatra voa ho an'Andriamanitra. <sup>5</sup> Fa tamintsika tao amin'ny nofo, ireo filàn'ny fahotana, izay nohetsehin'ny lalàna, dia niasa tao amin'ireo ratsantsika mba hamokatra voa ho an'ny fahafatesana. <sup>6</sup> Fa ankehitriny dia nafahana tamin'ny lalàna isika. Maty tamin'ilay namatotra antsika isika. Izany dia mba hafahantsika manompo amin'ny havaozam-panahy, fa tsy amin'ny fahanteran'ny soratra. <sup>7</sup> Inona ary no ho lazaintsika? Ny lalàna mihintsy ve no fahotana? Tsy hisy mihitsy anie izany. Kanefa, tsy ho nahalala ny fahotana mihitsy aho, raha tsy tamin'ny alalan'ny lalàna izany. Fa tsy ho nahalala ny fitsiriritana aho raha tsy niteny ny lalàna hoe: "Aza mitsiriritra." <sup>8</sup> Fa naka vahana tamin'ny didy ny fahotana ka nahatonga ny fitsiriritana rehetra ato amiko. Fa raha tsy misy ny lalàna, dia maty ny ota. <sup>9</sup> Fahiny aho dia velona tsy nisy ny lalàna, fa rehefa tonga ny didy, dia velona indray ny ota, ka maty aho. <sup>10</sup> Ny didy izay tokony hitondra fiainana no nivadika ho fahafatesana ho ahy. <sup>11</sup> Fa ny fahotana dia naka vahana tamin'ny alalan'ny didy ka namitaka ahy. Tamin'ny alalan'ny didy no namonony ahy. <sup>12</sup> Noho izany ny lalàna dia masina, ary ny didy dia masina, marina, ary tsara. <sup>13</sup> Koa moa ve nivadika fahafatesana ho ahy izay tsara? Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa ny ota, mba hafahany hiseho ho fahotana amin'ny alalan'izay tsara, dia nitondra fahafatesana tao amiko. Izany dia mba ho amin'ny alalan'ny didy, ny fahotana dia mety ho tonga tena fahotana tokoa. <sup>14</sup> Fa fantatsika fa ara-panahy ny lalàna, fa izaho avy amin'ny nofo. Efa namidy ho ao ambanin'ny fanandevozan'ny ota aho. <sup>15</sup> Fa ny zavatra ataoko, dia tsy tena azoko tsara. Satria izay tiako atao, dia tsy ataoko, ary izay halako, dia ataoko. <sup>16</sup> Fa raha manao izay tsy tiako aho, dia miray hevitra amin'ny lalàna fa tsara ny lalàna. <sup>17</sup> Fa ankehitriny dia tsy izaho intsony no manao izany, fa ny fahotana izay velona ato anatiko. <sup>18</sup> Fa fantatro fa ato amiko, izay ato amin'ny nofoko, dia tsy misy zavatra tsara miaina. Fa ny faniriana ny tsara dia ato amiko, saingy tsy afa-manao izany aho. <sup>19</sup> Fa ny tsara izay tiako dia tsy ataoko, fa ny ratsy izay tsy tiako, no ataoko. <sup>20</sup> Ary raha manao izay tsy tiako atao aho, dia tsy izaho intsony no miasa izany, fa kosa ny fahotana izay miaina ato amiko. <sup>21</sup> Ary, izaho dia nahita, ny fitsipika ato amiko fa te hanao izay tsara aho, saingy ny ratsy no ato amiko izao. <sup>22</sup> Fa miravoravo ao amin'ny lalàn'Andriamanitra aho amin'ny fanahy maha olona. <sup>23</sup> Kanefa mahita fitsipika iray hafa ao amin'ny momba ny tenako aho. Izany dia miady amin'izany fitsipika vaovao ao an-tsaiko izany. Mihazona ahy ho babon'ny fitsipiky ny fahotana izay ao amin'ny momba ny tenako izany. <sup>24</sup> Olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ity tenan'ny fahafatesana ity? <sup>25</sup> Fa isaorana Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika! Noho izany, izaho tenako dia manompo ny lalàn'Andriamanitra amin'ny saiko. Na dia izany aza, dia manompo ny fitsipikin'ny fahotana amin'ny nofo aho.

### Romans 7:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manazava ny fomba hifehezan'ny lalàna ireo izay te hiaina ao ambanin'ny lalàna i Paoly.

**tsy fantarareo, ry rahalahy ... fa ny lalàna dia mibaiko ny olona iray raha mbola velona koa izy?**

Mametraka io fanontaniana io i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Fa fantatrareo tokoa fa ny olona dia mila mankatona ireo lalàna raha mbola velona"

#### ry rahalahy

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, ao anatin'izany na ny lehilahy na ny vehivavy.

**fa ny lalàna dia mibaiko ny olona iray raha mbola velona koa izy**

Manome ohatra amin'izany i Paoly ao amin'ny 7:2.

### Romans 7:2

#### ny vehivavy izay manambady

Izany dia manondro ny vehivavy rehetra izay manambady.

#### antsoina hoe mpijangajanga izy

Afaka adika hoe DH: "ho raisin'Andriamanitra ho mpijangajanga izy" na "ny olona dia hiantso azy hoe mpijangajanga"

**Romans 7:4****Noho izany**

Io dia miverina mifandray amin'ny 7:1.

**ry rahalahiko**

Midika hoe namana Kristiana izany, ao anatin'izany na ny lehilahy na ny vehivavy.

**dia natao maty tamin'ny lalàna ihany koa ianareo tamin'ny alalan'ny tenan'i Kristy**

Afaka adika hoe DH: "Ianareo koa dia maty tamin'ny lalàna rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana tamin'ny alalan'ny Kristy"

**mba hafahantsika mamokatra voa ho an'Andriamanitra**  
Eto ny teny hoe "vokatra" dia sarin-teny ilazana ny asa izay mahafaly an'Andriamanitra. DH: "mba hafahantsika manao ireo zavatra izay mahafaly an'Andriamanitra"

**hamokatra voa ho an'ny fahafatesana.**

Eto ny teny hoe "vokatra" dia sarin-teny maneho fiainana feno fahotana.

**Romans 7:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia mampatsiahy antsika fa Andriamanitra dia tsy manamasina antsika amin'ny lalàna.

**nafahana tamin'ny lalàna isika**

Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra dia nanafaka antsika tamin'ny lalàna"

**isika**

Io mpisolo-tena dia manondro an'i Paoly sy ireo mpino.

**tamin'ilay namatotra antsika isika**

Izany dia maneho ny lalàna. Afaka adika hoe DH: "tamin'ny lalàna izay namatotra antsika"

**soratra**

Maneho ny lalàn'i Mosesy io. DH: "ny lalàn'i Mosesy"

**Romans 7:7****Inona ary no ho lazaintsika**

Mampiditra loha-hevitra vaovao i Paoly.

**Tsy hisy mihitsy anie izany**

"mazava ho azy fa tsy marina izany!" Io fomba fiteny io dia mandà tanteraka ny fanontaniana fampisainana izay nolazaina teo aloha. Mety manana fomba fiteny tahaka izany ny fiteninana, dia afaka ampiasainao eto.

**tsy ho nahalala ny fahotana mihitsy aho, raha tsy tamin'ny alalan'ny lalàna izany ... Fa naka vahana, ny fahotana ... nahatonga ny fitsiriritana rehetra ato amiko**  
Paoly dia mampitaha ny fahotana amin'ny olona izay afaka manao zavatra.

**fahotana**

"Ny faniriako hanota"

**fitsiriritana**

Io teny io dia maneho ny finiriana hahazo izay an'ny olona hafa sy filàna ara-nofo tsy araka ny tokony ho izy.

**Fa raha tsy misy ny lalàna, dia maty ny ota**

"Fa raha tsy nisy ny lalàna, dia tsy nisy ny fandikan-dalàna, ary tsy nisy ny fahotana"

**Romans 7:9****dia velona indray ny ota**

Io dia mety hidika hoe 1) "Tsapako fa nanota aho" na 2) "naniry mafy ny hanota aho"

**Ny didy izay tokony hitondra fiainana no nivadika ho fahafatesana ho ahy.**

Paoly dia miresaka momba ny fanamelohan'Andriamanitra toy hoe ny fahafatesan'ny nofo no vokatr'izany voalohany. DH: "Andriamanitra nanome ahy ny didy mba hahavelona ahy, kanefa namono ahy izany"

**Romans 7:11****Fa ny fahotana dia naka vahana tamin'ny alalan'ny didy ka namitaka ahy. Tamin'ny alalan'ny didy no namonony ahy.**

Araka ny ao amin'ny 7:7, Paoly dia mamaritra ny fahotana toy ny olona afaka manao zavatra 3: manararaotra ny irika, mamitaka, ary mamono. DH: "Satria naniry ny hanota aho, dia namitaka ny tenako tamin'ny fieritreretana fa afaka manota sady mankatoka ny didy aho, fa Andriamanitra nanasazy ahy nohon'ny tsy fankatoavana ny didy tamin'ny fanasarahany ahy taminy"

**fahotana**

"ny faniriako ny hanota"

**naka vahana tamin'ny alalan'ny didy**

Paoly dia mampitaha ny fahotana amin'ny olona izay afaka manao zavatra. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 7:7.

**namonoany ahy**

Paoly dia miresaka momba ny fanamelohan'Andriamanitra ireo mpanota toy hoe ny fahafatesan'ny nofo no vokatr'izany voalohany. DH: "nanasaraka ahy tamin'Andriamanitra izany"

**masina**

Tonga lafatra ara-panahy, tsy misy ota

**Romans 7:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Miresaka momba ny ady misy ao anatiny i Paoly, izay ady eo amin'ny fahotana ao amin'ny maha-olona azy sy ny lalàn'Andriamanitra ao an-tsainy—ady eo amin'ny fahotana sy ny tsara.

**koa**

Mampiditra loha-hevitra vaovao Paoly.

**moa ve nivadika fahafatesana ho ahy izay tsara?**

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba ho fanamafisana.

**izay tsara**

Maneho ny lalàn'Andriamanitra io.

**nivadika fahafatesana ho ahy**

"mahatonga ahy ho faty"

**Tsy hisy mihitsy anie izany**

Manome valinteny fandavana mafy ilay fanontaniana fampisainana teo aloha io fomba fiteny io. Mety manana fomba fiteny mitovy amin'izany amin'ny fitenin'ao izay azonao ampaiasaina eto ianao. DH: "Mazava ho azy fa tsy marina izany!"

**fahotana ... nitondra fahafatesana tao amiko**

Paoly dia mahita ny fahotana ho toy ny hoe olona izay manao hetsika.

**nitondra fahafatesana tao amiko**

"nanasaraka ahy tamin'Andriamanitra"

**amin'ny alalan'ny didy**

"satria tsy nankatoa ny didy aho"

**Romans 7:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia miresaka momba ny ady ao anatiny, izay misy eo amin'ny nofony sy ny lalàn'Andriamanitra—eo amin'ny fahotana sy ny tsara.

**Fa ny zavatra ataoko, dia tsy tena azoko tsara**

Mampiasa teny fanamafisana eto i Paoly. DH: "Tsy azoko antoka hoe nahoana aho no manao ireo zavatra sasany izay ataoko"

**izay tiako atao, dia tsy ataoko**

Manao filaza masaka indray i Paoly eto mba ho fampisongadinana. DH: "Izaho dia tsy manao izay tiako atao hatrany"

**izay halako, dia ataoko**

Manao filaza masaka indray i Paoly eto mba ho fampisongadinana. DH: "Ireo zavatra izay fantatro fa tsy tsara no zavatra ataoko matetika"

**Fa raha**

"Na izany aza"

**miray hevitra amin'ny lalàna**

"Fantatro fa tsara ny lalàn'Andriamanitra"

**Romans 7:17****ny fahotana izay miaina ato anatiko**

Paoly dia mamaritra ny fahotana ho toy ny zavatra miaina ka manana hery hisarika azy.

**nofoko**

Eto ny teny hoe "nofo" dia ilazana ny toetra maha-mpanota. DH: "ny toetra maha-mpanota ahy"

**Romans 7:19****tsara**

"ireo asa tsara" na "ireo fihetsika tsara"

**ratsy**

"ireo asa ratsy" na "fihetsika ratsy"

**fa kosa ny fahotana izay miaina ato amiko**

Miresaka momba ny "fahotana" toy ny hoe velona ary miaina ao anatiny i Paoly.

**ny ratsy no ato amiko izao**

Miresaka momba ny "ratsy" toy ny hoe velona ary miaina ao anatiny i Paoly.

**Romans 7:22****Fa miravoravo ao amin'ny lalàn'Andriamanitra aho amin'ny fanahy maha olona**

Izany dia fanahin'ny olona matoky an'i Kristy izay vao novelomina indray.

**Kanefa mahita fitsipika iray hafa ao amin'ny momba ny tenako aho. Izany dia miady amin'izany fitsipika vaovao ao an-tsaiko izany. Mihazona ahy ho babo**

"Izay asain'ny toetrako taloha ataoko ihany no haiko atao, tsy miaina ny lalam-baovao izay asehon'ny Fanahy ahy aho"

**fitsipika vaovao**

Toetran'ilay velona ara-panahy vaovao izany.

**fitsipika iray hafa ao amin'ny momba ny tenako aho**

Izany dia ny toetra taloha, ny fomban'ny olona rehefa teraka.

**ny fitsipiky ny fahotana izay ao amin'ny momban'ny tenako.**

"ny toetra maha-mpanota ahy"

**Romans 7:24****Iza no hanafaka ahy amin'ity tenan'ny fahafatesana ity?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanehoana fihetseham-po lehibe. Raha manana fomba anehoana fihetseham-po lehibe amin'ny alalan'ny tsoraka na baraingo ny fitenin'ao dia hampiasao eto izany. DH: "Mila olona iray aho hanafaka ahy amin'ny fangejan'ny filan'ny vatako!"



**ity tenan'ny fahafatesana ity**

Io dia sarin-teny ilazana ny vatana izay hiaina izany fahafatesana izany.

**Fa isaorana Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika**

Ity no valin'ilay fanontaniana ao amin'ny 7:24.

**Noho izany, izaho tenako dia manompo ny lalàn'Andriamanitra amin'ny saiko. Na dia izany aza, dia manompo ny fitsipikin'ny fahotana amin'ny nofo aho.**

Ny fisainana sy ny nofo eto dia ampiasaina hanehoana ny fomba fampitahan'izy ireo ny

fanompoana ny lalàn'Andriamanitra sy ny fanompoana ny fitsipiky ny fahotana. Amin'ny saina na eritreritra no ahafahan'ny olona iray mampifaly an'Andriamanitra sy mankatoa Azy, ary amin'ny nofo na ny toetra ara-nofo no ahafahany manompo ny fahotana. DH: "Ny saiko dia misafidy ny hampifaly an'Andriamanitra, nefa ny nofoko dia misafidy ny hankatoa ny fahotana"

## Chapter 8

<sup>1</sup> noho izany dia tsy misy fanamelohana intsony ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>2</sup> Fa ny fitsipikin'ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Jesosy Kristy no nanafaka ahy tamin'ny fitsipikin'ny fahotana sy ny fahafatesana. <sup>3</sup> Fa izay tsy afaka nataon'ny lalàna nohon'ny fahalemen'izany tamin'ny nofo, dia nataon' Andriamanitra. Nandefa ny Zanany lahy tokana Izy tamin'ny endriky ny nofo feno fahotana mba ho fanatitra ho an'ny ota, ary nanameloka ny ota tao amin'ny nofo izy. <sup>4</sup> Nataony izany mba ho tanteraka ao amintsika ny zavatra takian'ny lalàna, isika izay mandeha tsy araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. <sup>5</sup> Ireo izay miaina araka ny nofo dia mifantoka amin'ireo zavatra ny nofo, fa ireo izay velona araka ny Fanahy dia mifantoka amin'ireo zavatra ny Fanahy. <sup>6</sup> Satria ny fisainana miorina amin'ny nofo dia fahafatesana, fa ny fisainana miorina amin'ny Fanahy kosa dia fiainana sy fiadanana. <sup>7</sup> Ny fisainana miorina amin'ny nofo dia fandrafiana eo anatrehan' Andriamanitra, fa tsy mifanaraka amin'ny lalàn'Andriamanitra izany, no sady tsy hainy akory ny manao izany. <sup>8</sup> Ireo izay ao amin'ny nofo dia tsy afaka ny ho ankasitrahana'Andriamanitra. <sup>9</sup> Kanefa, ianareo dia tsy ao amin'ny nofo fa ao amin'ny Fanahy, raha marina fa miaina ao aminareo ny Fanahin'Andriamanitra. Fa raha misy olona tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy. <sup>10</sup> Raha ao aminareo Kristy, dia maty nohon'ny fahotana ny vatana, fa ny fanahy dia velona nohon'ny fahamarinana. <sup>11</sup> Raha ny Fanahin'Ilay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no velona ao aminareo, dia Izy izay nanangana an'i Kristy tamin'ny maty no hamome fiainana ihany koa ho an'ny tenanareo izay mety maty amin'ny alalan'ny Fanahiny, izay velona ao aminareo. <sup>12</sup> Noho izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika, fa tsy ao amin'ny nofo mba hiaina araka ny nofo. <sup>13</sup> Fa raha miaina araky ny nofo ianareo, dia ho faty, fa raha amin'ny Fanahy izay amonoanareo ny asan'ny tena, dia ho velona ianareo. <sup>14</sup> Fa tahaka ireo rehetra voatariky ny Fanahin' Andriamanitra, izy ireo no zanak'Andriamanitra. <sup>15</sup> Fa tsy nandray ny fanahin'ny fanandevozana indray ianareo ka hatahotra. Fa kosa, nandray ny Fanahin'ny fananganana-janaka ianareo, izay hiantsoantsoantsika hoe: "Aba, Ray ô!" <sup>16</sup> Ny Fanahy mihitsy no vavolombelona amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika. <sup>17</sup> Raha zanaka isika, dia mpandova ihany koa, mpandova an'Andriamanitra. Ary mpiray lova ao amin'i Kristy isika, raha tena mijaly miaraka Aminy tokoa isika dia omem-boninahitra miaraka Aminy koa. <sup>18</sup> Fa ataoko fa ireo fijaliana amin'izao fotoana izao dia tsy mendrika ampitahaina amin'ilay voninahitra izay ho haseho amintsika. <sup>19</sup> Fa ny voahary rehetra izay manantena fatratra dia miandry ny fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra. <sup>20</sup> Fa ny voahary dia natao ho zava-poana, tsy nohon'ny sitrapony manokana, fa noho Ilay nanao izany. Izany dia ao amin'ilay toky nomena <sup>21</sup> fa ireo voahary mihitsy no ho esorina amin'ny fanandevozan'ny fahalòvana, ary hitondra any amin'ny fahafahana ny amin'ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra izany. <sup>22</sup> Fa fantatsika fa ny voahary rehetra dia miara-misento sy miara-miasa ao anatin'ny fanaintainana na ankehitriny aza. <sup>23</sup> Tsy izany ihany, fa na ny tenantsika aza, izay manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy na ny tenantsika aza dia misento ao anatintsika, miandry ny fananganana antsika ho zanaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. <sup>24</sup> Fa tamin'izany toky izany no namonjena antsika. Fa izay atokisantsika fa hitranga dia mbola tsy hita, fa iza no miandry am-patokiana izay efa hitany? <sup>25</sup> Fa raha matoky amin'izay mbola tsy hitantsika isika, dia miandry izany am-paharetana. <sup>26</sup> Tahaka izany koa, ny Fanahy dia manampy ao amin'ny fahalementsika. Fa isika tsy mahalala izay vavaka tokony ataontsika, fa ny Fanahy mihitsy no mifona ho antsika amin'ny fisentoana tsy hay tenenina. <sup>27</sup> Izy izay mandinika ny fo no mahafantatra ny hevitra ny Fanahy, satria Izy no mifona ho an'ny mpino araka ny sitrapon'Andriamanitra. <sup>28</sup> Fantatsika fa ho an'ireo izay tia an'Andriamanitra, dia miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara avokoa ny zavatra rehetra, <sup>[1]</sup> ho an'ireo izay voantso araka ny fandaharany. <sup>29</sup> Satria ireo izay fantany mialoha, dia notendreny mialoha ihany koa mba hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho lahimatea eo anivon'ireo rahalahy maro izy. <sup>30</sup> Ireo izay notendreny mialoha, dia nantsoiny ihany koa. Ireo izay nantsoiny, dia nohamarininy ihany koa. Ireo izay nohamarininy, dia nomeny voninahitra ihany koa. <sup>31</sup> Inona ary no tokony ho tenenintsika momba ireo zavatra ireo? Raha momba antsika Andriamanitra, iza no mahatohatra antsika? <sup>32</sup> Izy izay tsy niaro ny Zanany lahy tokana fa nanolotra Azy ho antsika rehetra, ahoana no tsy hanomezany antsika maimaimpoana miaraka Aminy ny zava-drehetra ihany koa? <sup>33</sup> Iza no hitondra fiampangana hanohitra ireo olom-boafidin' Andriamanitra? Andriamanitra no ilay iray izay manamarina izany. <sup>34</sup> Iza ilay iray hanameloka? Kristy no ilay iray maty ho antsika, ary mihoatra izany, natsangana ihany koa Izy. Manapaka miaraka amin'Andriamanitra eo amin'ny fitoeram-boninahitra Izy, ary Izy no ilay mifona ho antsika. <sup>35</sup> Iza no hanasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana, sa fijaliana, sa fanenjarahana, sa hanoanana, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? <sup>36</sup> Araka ny voasotra hoe: "Noho ianao dia voavono andro lava izahay. Noraisina toy ny ondry ho vonoina izahay." <sup>37</sup> Ao anatin'izany zavatra rehetra izany dia mihoatra noho ny mpandresy izahay amin'ny alalan'Ilay iray tia anay. <sup>38</sup> Fa resy lahatra aho fa na ny fahafatesana, na ny

fiainana, na ireo anjely, na ireo fanjakana, na ireo zavatra ankehitriny, na ireo zavatra ho avy, na ireo hery,  
**39** na ny avo, na ny lalina, na zavaboary hafa, dia tsy hahasarakana antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika.

## Footnotes

8:28 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Raha tokony hoe "Miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara avokoa ny zavatra rehetra," dia ny dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Ny zavatra rehetra dia miaraka miasa ho amin'ny tsara."

## Romans 8:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamaly ny ady eo amin'ny fahotana sy ny tsara ao aminy i Paoly.

**Ary noho izany tsy misy fanamelohana intsony ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy**  
 Eto ny teny hoe "fanamelohana" dia ilazana ny famaizana ny olona. DH: "Andriamanitra dia tsy hanameloka ary tsy hanafoa ireo izay mikambana amin'i Kristy Jesosy"

### Noho izany

"noho izany antony izany" na "satria marina izay vao nolazaiko taminareo"

### Fa ny fitsipikin'ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Jesosy Krist

Ilazana ny fanahin'Andriamanitra io. DH: "Ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy"

### fitsipikin'ny fahotana sy ny fahafatesana.

Ilazana ny toetra maha-mpanota antsika izay manery antsika hanota io.

## Romans 8:3

### Fa izay tsy afaka nataon'ny lalàna noho ny fahalemen'izany tamin'ny nofo, dia nataon' Andriamanitra

Eto ny lalàna dia voafaritry ho toy ny olona izay tsy afaka mamotika ny herin'ny fahotana. DH: "Fa ny lalàna dia tsy nanana hery hampitsahatra antsika amin'ny fahotana, satria mafy loatra ny herin'ny fahotana tao anatintsika. Fa tsy nisakana antsika tsy hanota Andriamanitra"

### tamin'ny nofo

"Nohon'ny toetra maha-mpanota ny olona"

### Nandefa ny Zanany lahy tokana Izy tamin'ny endriky ny nofo feno fahotana mba ho fanatitra ho an'ny ota, ary nanameloka ny ota

Nampitsahatra ny fahatezerana masin'Andriamanitra nohon'ny fahotantsika ny Zanak'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanolorana ny tenany sy ny fiainany ara-nofo ho sorana ho an'ny fahotantsika mandrakizay.

### Zanany lahy

Izany dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra.

### endriky ny nofo feno fahotana

"izay mitovy tahaka ny olombelona hafa feno fahotana"

### mba ho fanatitra ho an'ny ota

"mba hahafatesany ho sorona ho an'ireo fahotantsika"

### ary nanameloka ny ota tao amin'ny nofo izy

"ary Andriamanitra namotika ny herin'ny fahotana tamin'ny tenan'ny Zanany"

### mba ho tanteraka ao amintsika ny zavatra takian'ny lalàna

Afaka adika hoe DH: "mba hanatanterahantsika izay takian'ny lalàna"

### isika izay mandeha tsy araky ny nofo

"isika izay tsy mankatoka ny filan-dratsintsika"

### fa araky ny Fanahy

"fa mankatoka ny Fanahy Masina"

## Romans 8:6

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy ny mampifanohitra ny nofo amin'ny Fanahy izay hananantsika ankehitriny i Paoly.

### ny fisainana miorina amin'ny nofo ... ny fisainana miorina amin'ny Fanahy

Eto Paoly dia miresaka momba ny "nofo" ary koa ny "fanahy" ho toy ny olona miaina. DH: "ny fomba fisainan'ny olona mpanota ... ny fomba fisainan'ny olona izay mihaino ny Fanahy Masina"

### fahafatesana

Eto izany dia midika fisarahan'ny olona amin'Andriamanitra.

### Ireo izay ao amin'ny nofo

Io dia maneho ny olona izay manao izay asain'ny toetra ratsin'izy ireo ataon'izy ireo.

**Romans 8:9****ao amin'ny nofo**

"manao araka ireo toetra maha-mpanota anareo."

Jereo hoe ahoana ny fomba nandikanao "ny nofo" ao amin'ny 8:3.

**ao amin'ny Fanahy**

"miasa araka ny Fanahy Masina"

**Fanahy ... Fanahin'Andriamanitra ... Fanahin'i Kristy**

Ireo rehetra ireo dia ilazana ny

Fanahin'Andriamanitra.

**raha marina fa**

ireo teny ireo dia tsy midika fa misalasala i Paoly raha manana ny Fanahin'Andriamanitra ny sasany amin'izy ireo. Tian'i Paoly izy ireo mba hahatsapa fa manana ny Fanahin'Andriamanitra izy rehetra. DH: "satria"

**Raha ao aminareo Kristy**

ahoana no hiainan'i Kristy ao amin'ny olona izay afaka nohazavaina. DH: "raha miaina ao aminareo Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina"

**maty nohon'ny fahotana ny vatana**

Ireo mety ho heviny dia 1) ny olona dia maty ara-panahy nohon'ny amin'ny herin'ny fahotana na 2) ny vatana dia ho faty ihany nohon'ny fahotana.

**ny fanahy dia velona nohon'ny fahamarinana.**

Ireo mety ho heviny dia 1) velona ara-panahy ny olona satria nomen'Andriamanitra hery hanao izay marina na 2) Andriamanitra dia hamelona azy indray aorian'ny fahafatesany satria Andriamanitra dia marina ary manome fiainana mandrakizay ho an'ireo mpino.

**Romans 8:11****Raha ny Fanahin ... no velona ao aminareo**

Raisin'i Paoly ho miaina ao amin'ireo mpamakin'ny Fanahy Masina. DH: "Satria ny Fanahy ... velona ao aminareo"

**Izy izay nanangana**

"Andriamanitra, izay nanangana"

**nanangana**

Eto izany dia midika hoe: mahatonga ny olona iray ho velona indray.

**tenanareo izay mety maty**

"vatana ara-nofo" na "vatana, izay ho faty indray andro any"

**Romans 8:12****noho izany**

"Satria marina izay nolazaiko anareo"

**ry rahalahy**

Eto izany dia ilazana ireo namana Kristiana, ao anatin'izany na ny lehilahy na ny vehivavy.

**isika dia mpitrosa**

Paoly dia miresaka ny fankatoavana ho toy ny fanefana trosa. DH: "isika dia mila mankatoa"

**fa tsy ao amin'ny nofo mba hiaina araky ny nofo**

Mbola miresaka momba ny fankatoavana ho toy ny fanefana trosa ihany i Paoly. Afaka mampiasa ny teny hoe "mpitrosa" ianao. DH: "fa tsy mpitrosan'ny nofo isika, ary tsy voatery hankatoa ireo filan-dratsintsika"

**Fa raha miaina araky ny nofo ianareo**

"Fa raha velona hanatanteraka ny filan-dratsinareo fotsiny ianareo"

**dia ho faty**

"Azo antoka fa ho tafasaraka amin'Andriamanitra ianareo"

**fa raha amin'ny Fanahy izay amonoanareo ny asan'ny tena**

DH: "fa raha amin'ny herin'ny Fanahy masina no hampitsaharanareo ny fankatoavana ny filan-dratsinareo"

**Romans 8:14****Fa tahaka ireo rehetra voatariky ny Fanahin'Andriamanitra**

Afaka adika hoe DH: "Fa izay rehetra tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra"

**izy ireo no zanak'Andriamanitra**

Eto izany maneho ireo mpino an'i Jesosy rehetra ary matetika izany dia adika hoe "ireo zanak'Andriamanitra."

**Fa tsy nandray ny fanahin'ny fanandevozana indray ianareo ka hatahotra**

Afaka adika hoe: "Fa Andriamanitra tsy nanome fanahy izay manandevo anareo amin'ny herin'ny fahotana sy ny tahotra ny fitsaran'Andriamanitra indray"

**izay niantsoantsoantsika**

"izay mahatonga antsika hiantsoantso mafy"

**Aba, Ray ô**

Ny hoe "Aba" dia "Ray" amin'ny fiteny Aramika.

**Romans 8:16****mpandova an'Andriamanitra**

Ataon'i Paoly toy ny hoe mpandova ny fanana sy ny harena avy amin'ny isan'ny fianakaviana ireo kristiana mpino. DH: "isika ihany koa dia handray izay nampanantenan'Andriamanitra antsika indray andro any "

**Ary mpiray lova ao amin'i Kristy isika,**  
Paoly dia miresaka amin'ireo mpino Kristiana ho toy ny mpandova ny fananana sy harena avy amin'ny isan'ny fianakaviana. Andriamanitra dia hanome antsika izay nomeny an'i Kristy. DH: "Isika ihany koa dia handray izay nampanantenan'Andriamanitra antsika ary Kristy miaraka"

**isika dia omem-boninahitra miaraka Aminy koa**  
Hanome voninahitra ireo mpino Kristiana Andriamanitra rehefa manome voninahitra an'i Kristy Izy. Afaka adika hoe DH: "mba hanome voninahitra antsika miaraka Aminy Andriamanitra"

## Romans 8:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Eto amin'ity fizarana izay mifara ao amin'ny 8:23 ity, Paoly dia mampatsiahy amin'ny maha-mpino antsika fa ny tenantsika dia hiova amin'ny fanavotana antsika.

**Fa**  
Io dia fanamafisana "izaho dia mihevitra." Tsy midika izany hoe "satria."

**ataoko fa ireo fijaliana amin'izao fotoana izao dia tsy mendrika ampitahaina amin'...**  
Afaka adika hoe DH: "Tsy afaka mampitaha ny fijaliana amin'izao ankehitriny izao amin'ny ... aho"

**ho haseho**  
Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra dia haneho" na "Andriamanitra dia hampahafantatra"

**Fa ny voahary rehetra izay manantena fatratra dia miandry ny**  
Faritan'i Paoly ho toy ny olona izay miandry zavatra iray fatratra ny zava-drehetra izay noharian'Andriamanitra.

**fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra**  
Afaka adika hoe DH: "ny fotoana izay hampisehoan'Andriamanitra ireo zanany"

**ireo zanak'Andriamanitra.**  
Eto izany dia ilazana ireo mpino an'i Jesosy rehetra.

## Romans 8:20

**Fa ny voahary dia natao ho zava-poana**  
Afaka adika hoe DH: "Fa Andriamanitra no nahatonga izay nohariany ho tsy afaka manatanteraka izay noeritreretiny"

**tsy noho ny sitrapony manokana, fa noho Ilay nanao izany**  
Eto Paoly dia mamaritra ny "famoronana" ho toy ny olona izay afaka maniry. DH: "Tsy hoe izany no tian'ireo zavatra noharina, fa satria izany no tian'Andriamanitra"

**Izany dia ao amin'ilay toky nomena fa ireo voahary mihitsy no ho afahana**  
Afaka adika hoe DH: "Fa fantatr'Andriamanitra fa hamonjy ny voahary Izy"

**amin'ny fanandevozan'ny fahalòvana**  
Paoly dia miresaka momba ny maha tsy misy ilana azy ny zavatra voakasiky ny fahotana ho toy ny hoe faty miha-lo. Avy eo izy dia miresaka momba ny zavatra rehetra izay miaina izany ho toy ny andevon'ny tompo iray. DH: "amin'ny fahalòvana sy fahafatesana"

**amin'ny fahafahana ny amin'ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra**  
"ary hanafaka azy ireo rehefa manome voninahitra ireo zanany Izy"

**Fa fantatsika fa ny voahary rehetra dia miara-misento sy miara-miasa amin'ny fanaintainana na ankehitriny aza**  
Oharina amin'ny vehivavy mitaraina rehefa miteraka ny voahary. DH: "Fa fantatsika fa ny zava-drehetra zay noharian'Andriamanitra dia maniry ny ho afaka ary misento tahaka ny vehivavy miteraka"

## Romans 8:23

**izay manana ny voaloham-bokatin'ny Fanahy**  
Mampitaha ireo mpino nandray ny Fanahy Masina amin'ny voaloham-bokatra ary legioma amin'ny fotoam-pamokarana i Paoly. Izany dia teny fanamafisana fa ny Fanahy Masina dia fanombohana amin'ny izay homen'Andriamanitra ireo mpino ihany.

**miandry ny fananganana antsika ho zanaka, ny fanavotana ny tenantsika**  
Eto ny teny hoe "fananganana antsika" dia midika hoe: rehefa tonga ho isan'ny ankohonan'Andriamanitra tanteraka isika, toy ny zaza natsangana. Ny teny hoe "fanavotana" dia midika hoe: rehefa mamonjy antsika Andriamanitra. DH: "miandry ny fotoana hahatongavantsika ho isan'ny ankohonan'Andriamanitra tanteraka sy hanavotany ny tenantsika amin'ny fahalòvana sy fahafatesana"

**Fa tamin'izany toky izany no namonjena antsika**  
Afaka adika hoe DH: "Fa Andriamanitra namonjy antsika satria isika dia matoky Azy"

**Fa izay atokisantsika fa hitranga dia mbola tsy hita, fa iza no miandry am-patokiana izay efa hitany?**  
Mampiasa fanontaniana i Paoly eto mba hanampiana ny mpamaky hahazo ny teny hoe "fatokiana." DH: "Fa raha miandry am-patokiana isika, dia midika izany fa tsy mbola manana izay zavatra iriantsika isika. Tsy misy olona afaka miandry am-patokiana raha efa nanana izay zavatra iriany izy"

**Romans 8:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Na dia notsindrian'i Paoly aza fa misy ady ao amin'ireo mpino manoloana ny nofo sy ny fanahy, dia ambarany fa manampy antsika ny Fanahy.

**fisentoana tsy hay tenenina**

"fitarainana tsy hay tononina"

**Izy izay mandinika ny fo**

Maneho an'Andriamanitra izany. Eto ny teny hoe "mandinika ny fo" dia midika hoe "mandalina ny eritreritra sy ny fihetseham-po." DH: "Andriamanitra, izay mahalala ireo eritreritsika sy fihetseham-pontsika rehetra"

**Romans 8:28****Fampifandraisan foto-kevitra:**

Mampatsiahy ireo mpino i Paoly fa tsy misy afaka mahasaraka azy ireo amin'ny fitiavan'Andriamanitra.

**ho an'ireo izay voantso**

Afaka adika hoe DH: "ho an'ireo izay nofidian'Andriamanitra"

**ireo izay fantany mialoha**

"ireo izay efa fantany talohan'ny namoronany azy ireo aza"

**dia notendreny mialoha ihany koa**

"nataony ho anjaran'izy ireo ihany koa izany" na "nomaniny mialoha ihany koa izany"

**mba hitovy endrika amin'ny Zanany**

Andriamanitra nanomana izany hatramin'ny fanomboan'ny fahariana mba hampitombo ireo izay mino an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra, ho olona izay mitovy amin'ny Jesosy. Afaka adika hoe. DH: "fa Izy hanova azy ireo ho tahaka ny Zanany"

**zanaka**

Izany dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra.

**mba ho Lahimatoa eo anivon'ireo rahalahy maro izy**

"mba ho lahimatoa ny Zanany"

**eo anivon'ireo rahalahy maro**

Eto ny teny hoe "rahalahy" dia manondro ireo mpino rehetra, na lahy na vavy. DH: "eo anivon'ny rahalahy maro sy rahavavy izay an'ny fianakavian'Andriamanitra"

**Ireo izay notendreny mialoha**

"Ireo izay nanaovan'Andriamanitra drafitra mialoha"

**dia nohamarininy ihany koa**

Eto ny teny hoe "nohamarinina" dia manondro ny lasa mba hanamafisana ny zavatra azo antoka fa

hitranga. DH: "ireo dia nohamarininy tamin'ny tenany ihany koa"

**dia nomeny voninahitra ihany koa.**

Eto ny teny hoe "nomena voninahitra" dia manondro ny lasa mba hanamafisana ny zavatra azo antoka hitranga. DH: "ireo dia homeny voninahitra ihany koa"

**Romans 8:31****Inona ary no tokony ho tenenintsika momba ireo zavatra ireo? Raha momba antsika Andriamanitra, iza no mahatohatra antsika?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly ho fanamafisana ny hevitra izay lazainy. DH: "Iza no tokony ho fantatsika avy amin'izany rehetra izany: satria manampy antsika Andriamanitra, dia tsy misy afaka mahatohitra antsika"

**Izy izay tsy niaro ny Zanany lahy tokana**

Andriamanitra Ray nandefa ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, teo amin'ny hazo fijaliana mba ho sorona masina, tsy misy fetra izay ilaina mba hahatanteraka ny toetra masin'Andriamanitra mandrakizay, izay manohitra ny fahotan'ny olombelona. Eto ny teny hoe "Zanaka" dia fiantsoana manan-danja an'Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**fa nanolotra Azy**

"fa nanolotra azy ho an'ireo fahavalony"

**ahoana no tsy hanomezany antsika maimaimpoana miaraka Aminy ny zava-drehetra ihany koa?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Azo antoka fa hanome antsika maimaimpoana ny zavatra rehetra Izy!"

**Romans 8:33****Iza no hitondra fiampangana ireo olom-boafidin' Andriamanitra? Andriamanitra no ilay manamarina izany**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Tsy misy afaka ny hiampangana antsika eo anolohan'Andriamanitra satria Izy ilay iray izay manamarina antsika ao aminy"

**Iza ilay iray hanameloka?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. Tsy miandry valin-tenyakory izy. DH: "Tsy hisy afaka ny hanameloka antsika!"

**ary mihoatra izany, natsangana ihany koa Izy**

Afaka adika hoe DH: "mihoatra noho izany, izay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty" na "mihoatra noho izany, izay velona indray"

**Romans 8:35****Iza no hanasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy?**

Toy ny hoe milaza olona ity fanontaniana ity, saingy ny valiny manaraka eto dia manambara tranaga, fa tsy olona. Mety ho meresaka momba ny tranga ho

toy ny olona angamba i Paoly. DH: "Tsy misy olona afaka hanasaraka antsika amin'ny fitiavan'ny Kristy mihitsy" na "Tsy misy afaka mahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy mihitsy"

**Fahoriana, sa fijaliana, sa fanenjehana, sa hanoanana, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra?**

Eto ny teny hoe "sabata" dia maneho olona iray izay mamono. DH: "Tsy misy olona afaka hampahory antsika, handratra antsika, haka ireo akanjo sy sakafo, na hamono atsika akory aza"

**Fahoriana, sa fijaliana**

Ireo teny ireo dia mitovy hevitra.

**Noho ianao**

Eto ny mpisolo-tena "ianao" dia milaza an'Andriamanitra. DH: "Ho anao"

**voavono andro lava izahay**

Ny teny "izahay" dia manondro ny olona izay nanoratra ity ampahany amin'ny Soratra Masina ity ary ao anatin'izany ihany koa ireo rehetra izay mitoetra ho mahatoky ao amin'Andriamanitra. Ny teny hoe "andro lava" dia fialza masaka mba ho fanamafisana ny amin'ny halehiben'ny loza atrahan'izy ireo. Mampiasa izany teny ao amin'ny Soratra Masina izany i Paoly mba hampisehoana fa ireo rehetra izay an'Andriamanitra dia tokony hanampoa fotoan-tsarotra. DH: "ny fahavalontsika dia mitady ny hamono antsika hatrany"

**Noraisina toy ny ondry ho vonoina izahay**

Eto Paoly dia mampitaha amin'ny biby fiompy ireo izay vonoin'ny olona satria mahatoky an'Andriamanitra. Afaka adika hoe DH: "Ny ainay dia tsy misy lanjany amin'izy ireo noho ny ondry izay vonoiny"

**Romans 8:37**

**mihoatra noho ny mpandresy izahay**

"tanterakay ny fandresena"

**amin'ny alalan'Ilay iray tia anay**

Azo hazaivana tsara ny karazam-pitiavana izay asehon'i Jesosy. DH: "noho i Jesosy, izay tia antsika loatra hany ka vonona ny ho faty ho antsika"

**Fa resy lahatra aho**

"Resy lahatra aho" na "matoky aho"

**ireo fanjakana**

Ireo mety ho dikany dia 1) ireo demonia na 2) ireo mpanjakan'ny tany sy ireo mpanapaka.

**na ireo hery**

Ireo mety ho dikany dia 1) Hery ara-panahy 2) olombelona misy hery.

## Chapter 9

<sup>1</sup> Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho. Tsy mandainga aho, ary ny eritreritro no vavolombelona miaraka amiko ao amin'ny Fanahy Masina, <sup>2</sup> fa ho ahy dia misy alahelo lehibe ary fahoriana tsy mitsahatra ato am-poko. <sup>3</sup> Fa afaka naniry aho fa izaho tenako dia ho voaozona ka hiataka amin'i Kristy noho ny amin'ireo rahalahiko, ireo izay iray firazanana amiko araka ny nofo. <sup>4</sup> Izy ireo dia Isiraelita. Izy ireo dia manana fananganana, ny voninahitra, ireo fankatoavana, ny fanomezan'ny lalàna, ny fiderana an'Andriamanitra, ary ireo fampanantenana. <sup>5</sup> Ny azy ireo dia ireo razana izay nahatonga an'i Kristy ho tonga nofo, Izy izay Andriamanitra ambonin'ny rehetra. Ho deraina mandrakizay anie Izy. Amena. <sup>6</sup> Fa tsy foana ireo izay nampanantenain' Andriamanitra. Fa tsy izay rehetra avy any Isiraely no tena an'Isiraely. <sup>7</sup> Na ireo taranak'i Abrahama rehetra no tena zanany. Fa: "Amin'ny alalan'Isaka no hiantsoana ireo taranakao." <sup>8</sup> Izany hoe, ireo zanaky ny nofo dia tsy zanak' Andriamanitra. Fa ireo zanakin'ny fampanantenana no raisina ho taranaka. <sup>9</sup> Fa toy izao no tenin'ny fampanantenana: "Amin'izany fotoana izany dia ho avy Aho, ary homena zazalahy Saraha." <sup>10</sup> Tsy izany ihany, fa avy eo koa Rebeka hanan'anaka amin'ny lehilahy iray, Isaka raintsika. <sup>11</sup> fa mbola tsy teraka akory ireo zaza ary mbola tsy nanao zavatra tsara na ratsy, mba ho toa ny tanjon'Andriamanitra araka ny fisafidianana, tsy noho ireo asa, fa noho Izy izay miantso. <sup>12</sup> nambara tamin'dravehivavy hoe: "Ny zokiny dia hanompo ny zandriny." <sup>13</sup> Izany dia tahaka izay voasoratra hoe: "Jakoba tiako, fa Esao halako." <sup>14</sup> Inona ary no ho lazaintsika? Misy tsy fahamarinana ve miaraka amin'Andriamanitra? <sup>15</sup> Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa hoy Izy tamin'i Mosesy hoe: "Hamindra fo amin'izay tiako hamindrana fo Aho, ary hangoraka ireo izay tiako hangorahana Aho." <sup>16</sup> Noho izany ary, dia tsy noho izy mikasa izany, na noho izy izay mihazakazaka, fa noho Andriamanitra, izay nampiseho ny famindram-po. <sup>17</sup> Fa ny Soratra Masina nanambara tamin'i Farao hoe: "Fa noho izany antony izany no nanandratako anao, mba hanehoako aminao ny heriko, ary mba hanambarana ny anarako eran-tany." <sup>18</sup> Noho izany, Andriamanitra dia mamindra fo amin'izay tiany, ary izay tiany, no ho hamafisiny fo. <sup>19</sup> Avy eo hilaza amiko ianareo hoe: "Nahoana no mbola mahita tsiny foana Izy?" Fa iza no mahatohitra ny sitrapony?" <sup>20</sup> Mifanohitra amin'izany, ralehilahy, iza moa ianao no mamaly manohitra an'Andriamanitra? Moa izay efa novolavolaina hilaza amin'ny mpamolavola izany hoe: "Nahoana no nataonao tahaka izao aho?" <sup>21</sup> Moa ny mpanefy vilany tsy manana zo amin'ny tanimanga ka ny vongana iray ihany no hanamboarana fitoerana amin'ny andro voatokana, ary fitoerana iray hafa amin'ny andavanandro? <sup>22</sup> Ahoana raha Andriamanitra, izay te-ampiseho ny fahatezerany sy hampahafantatra ny fahefany, no niaritra tamim-paharetana ireo fitoeran'ny fahatezerana nomanina ho amin'ny fahasimbaina? <sup>23</sup> Ahoana raha nataony izany mba hampahafantarany ny haren'ny voninahiny eo amin'ireo fitoeran'ny famindram-po, izay efa nomaniny mialoha ho amin'ny voninahitra? <sup>24</sup> Ahoana raha nataony ho antsika koa izany, izay nantsoiny ihany koa, tsy ho eo amin'ny samy Jiosy ihany, fa ho eo amin'ny ireo Jentilisa ihany koa? <sup>25</sup> Araka izay nolazainy tao amin'i Hosea ihany koa hoe: "Hantsoiko hoe oloko izay tsy oloko, ary hoe malalany ilay tsy malala." <sup>26</sup> Avy eo dia any amin'izay nilazàna tamin'izy ireo hoe: 'Tsy oloko ianareo,' any no hiantsoana azy ireo hoe: 'zanak'Andriamanitra velona.'" <sup>27</sup> Isaia niantso mafy ny amin'ny Isiraely hoe: "Raha tahaka ny fasika eny amin'ny ranomasina ny isan'ny zanak'Isiraely, dia ho voavonjy izay sisa ambiny, <sup>28</sup> fa ny Tompo hitondra ny teniny eto an-tany, feno ary tsy ho ela." <sup>29</sup> Araka ny nolazain'Isaia mialoha hoe: "Raha ny Tompo tompon'ny maro no tsy namela taranaka ho antsika, dia ho tahaka an'i Sodoma isika, ary ho lasa tahaka an'i Gomora." <sup>30</sup> Inona ary no holazaintsika? Fa ireo Jentilisa, izay tsy nitady ny fahamarinana, no nahazo ny fahamarinana, izay fahamarinana avy tamin'ny finoana. <sup>31</sup> Fa Isiraely, izay nitady ny lalàn'ny fahamarinana, dia tsy tonga tamin'izany. <sup>32</sup> Nahoana moa? Satria izy ireo tsy nitady izany tamin'ny finoana, fa tamin'ny asa. Tafintohin'ny vaton'ny fanafintohinana izy ireo, <sup>33</sup> araka izay efa voasoratra hoe: "Jereo, ao Ziona no ametrahako ny vaton'ny fanafintohinana sy vatolampin'ny fandikan-dalàna. Izay mino izany dia tsy ho menatra."

### Romans 9:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Milaza ny faniriany manokana ny hamonjena ny firenen'Israely rehetra i Paoly. Ary izy dia manindry ny amin'ireo fomba hafa izay nomanin'Andriamanitra mba hinoan'izy ireo.

#### Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho. Tsy mandainga aho

Ireo fomba fiteny roa ireo dia manana hevitra mitovy. Ampisain'i Paoly mba hanindriana fa milaza ny marina izy.



**ary ny eritreritro no mijoro vavolombelona miaraka amiko ao amin'ny Fanahy Masina**  
 "Ny Fanahy Masina no mibaiko ny eritreritro ary manamafy izay lazaiko"

**fa ho ahy dia misy alahelo lehibe ato amiko ary fahoriana mandrakariva ato am-poko**  
 Eto ny teny hoe "fahoriana mandrakariva ato am-poko" dia fomba fiteny izay ampiasain'i Paoly mba hizarana ny fahoriam-panahiny. DH: "Milaza aminareo aho fa malaelo mafy tanteraka sy lalina aho"

**alahelo lehibe ato amiko ary fahoriana mandrakariva**  
 Ireo teny roa ireo dia mitovy dika. Miara-ampiasain'i Paoly ireo mba hanamafisana ny halehiben'ny fihetseham-pony.

### Romans 9:3

**Fa afaka naniry aho fa izaho tenako dia ho voaozona ka hiataka amin'i Kristy noho ny amin'ireo rahalahiko, ireo izay iray firazanana amiko araky ny nofo**  
 Afaka adika hoe DH: "Raha izaho manokana dia vonona ny hamela an'Andriamanitra hanozona ahy ary, hamoisaraka ahy amin'i Kristy mandrakizay raha izany no hanampy ireo Isiraelyta namako, izay oloko manokana, mba hino an'i Kristy"

#### ireo rahalahiko

Eto izany dia midika hoe naman Kristiana, ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

#### Izy ireo dia Isiraelyta

"izay ireo, mitovy amiko, dia Isiraelyta. Andriamanitra nifidy azy ireo mba ho taranak'i Jakoba"

#### Izy ireo dia manana fananganana

Paoly dia mampiasa ny sari-teny "fananganana" mba hilaza fa ireo Isiraelyta dia tahakan'ny zanak'Andriamanitra. DH: "Izy ireo dia manana an'Andriamanitra ho Ray"

#### Ny azy ireo dia ireo razana izay nahatonga an'i Kristy ho tonga nofo

Eto ny teny hoe "nahatonga an'i Kristy ho tonga nofo" dia midika fa Kristy dia taranaky ny razan'ny zanak'Israely ara-nofa. DH: "Kristy dia tonga nofo toy ny taranaka avy amin'ny razan'izy ireo"

### Romans 9:6

#### Fampifanadraisana ny foto-kevitra:

Manamafy i Paoly fa ireo izay teraka tao amin'ny fianakavian'Isiraely dia afaka ny ho tena isan'ny Isiraely amin'ny alalan'ny finoana.

**Fa tsy foana ireo izay nampanantenain' Andriamanitra**  
 Fa Andriamanitra dia tsy nivadika tamin'ny fampanantenany na "Nitazona ny fampanantenany Andriamanitra"

**Fa tsy izay rehetra avy any Isiraely no tena an'Isiraely**  
 Andriamanitra dia tsy nanao ireo fampanantenany ho an'ireo rehetra taranaka ara-nofon'ny isiraely (na Jakoba), fa ho an'ireo taranaka ara-panahiny, izany hoe, ireo izay mino an'i Jesosy.

**Na ireo taranak'i Abrahama rehetra no tena zanany**  
 "ary tsy zanak'Andriamanitra satria izy ireo dia taranaky'i Abrahama"

### Romans 9:8

**ireo zanaky ny nofo dia tsy zanak' Andriamanitra**  
 Eto ny teny hoe "zanaky ny nofo" dia teny milaza ireo taranaka ara-nofon'i Abrahama. DH: "tsy ireo taranak'i Abrahama rehetra"

#### zanak' Andriamanitra

Io dia sarin-teny izay maneho ireo izay taranaka ara-panahy, ireo izay manana finoana an'i Jesosy.

#### ireo zanakin'ny fampanantenana

Ilazana ny olona izay handova ny fampanantenana izay nomen'Andriamanitra an'i Abrahama io.

#### ary homena zazalahy Saraha

Afaka adikanao amin'ny fomba izay maneho fa Andriamanitra dia hanome zazalahy an'i Saraha io. DH: "Hanome zazalahy an'i Saraha Aho"

### Romans 9:10

#### Rebeka

"Rebeka" dia fomba fanononan'ny Testamenta vaovao ny hoe "Rebekah."

#### Isaka raintsika ... Izany dia tahaka

DH: "Isaka raintsika, izany dia nolazaina taminy, 'Ny zokiny dia hanompo ny zandriny.' Ary mbola tsy teraka ireo zaza ... noho izy izay niantso."

#### raintsika

Paoly dia milaza an' i Isaka ho toy ny "raintsika" satria Isaka dia razam-be an'i Paoly sy ireo mpino Jiosy ao Roma.

#### hanan'anaka

"ho bevohoka"

#### fa mbola tsy teraka akory ireo zaza ary mbola tsy nanao zavatra tsara na ratsy

"talohan'ny nahaterahan'ireo zaza sy talohan'ny nahavitan'izy ireo izay zavatra rehetra, na tsara na ratsy"

#### mba ho toa ny tanjon'Andriamanitra araka ny fisafidianana

"mba hitrangan'ireo zavatra tian'Andriamanitra araka ny safidiny"

#### fa mbola tsy teraka akory ireo zaza

"talohan'ny nahaterahan'ireo zaza"

**ary mbola tsy nanao zavatra tsara na ratsy**  
 "Fa tsy noho ny zavatra no nanaovan'izy ireo"

**noho Izy**  
 Noho Andriamanitra

**nambara tamin'dravehivavy hoe: "Ny zokiny dia hanompo ny zandriny.**  
 "Andriamanitra niteny tamin'ny Rebeka hoe: 'Ny zokiny lahy hanompo ny zandriny lahy'"

**Jakoba tiako, fa Esao halako**  
 Tsy hoe mankahala ara-bakiteny an'i Esao Andriamanitra, fa tia an'i Jakoba mihoatra lavitra ny fitiavany an'i Esao Andriamanitra.

## Romans 9:14

**Inona ary no ho lazaintsika?**  
 Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hisintonana ny sain'ireo mpamaky.

**Tsy hisy mihitsy anie izany**  
 "Tsy hisy izany!" na "Tsia dia tsia tokoa!" Io fomba fiteny io dia mandà mafy ny mety hitrangan'izany. Mety manana fomba fiteny mitovy amin'izany ianao ao amin'ny fiteninao izay azonao ampiasaina eto.

**Fa hoy Izy tamin'i Mosesy**  
 Miresaka momba ny firesahan'Andriamanitra amin'i Mosesy toy ny hoe natao amin'izao fotoana izao i Paoly. DH: "Fa Andriamanitra niteny tamin'i Mosesy"

**dia tsy noho izy mikasa izany, na noho izy izay mihazakazaka**  
 "Fa tsy noho izay tian'ny olona na nohon'ny fiezahan'izy ireo mafy"

**na noho izy izay mihazakazaka**  
 Resahin'i Paoly ho toy ny olona mihazakazaka mafy ny olona izay manao ireo zavatra tsara mba hahazahoany ny fankasitran'Andriamanitra.

## Romans 9:17

**Fa ny Soratra Masina nanambara**  
 DH: "Ny Soratra Masina dia mirakitra izay lazain'Andriamanitra"

**izaho**  
 Andriamanitra dia milaza ny amin'ny tenany ihany.

**mba hanambarana ny anarako eran-tany**  
 Afaka adika hoe DH: "ary mba hanambaran'ny olona ny anarako eny amin'ny tany rehetra"

**ny anarako**  
 Izany dia ilazana an'Andriamanitra ny amin'ny maha izy Azy manontolo.

**ary izay tiany, no ho hamafisiny.**  
 Andriamanitra manamafy fo izay rehetra tiany ho ho hamafisim-po.

## Romans 9:19

**Avy eo hilaza amiko ianareo**  
 Miresaka amin'ireo mpitsikera ny fampianarany toy ny miresaka amin'ny olona iray ihany i Paoly.

**Nahoana no mbola mahita tsiny foana Izy? Fa iza no mahatohitra ny sitrapony?**  
 Ireo dia fanontanina fampisainana izay ampiasain'i Paoly mba hampidirana fanamafisana. Afaka adika ho teny tsotra mafonja ireo fanontaniana ireo.

**izy**  
 izany dia milaza an'Andriamanitra.

**Moa izay efa novolavolaina hilaza ... amin'ny andavanandro?**  
 Ampiasain'i Paoly ho sarin-teny ilazana ny zon'ny mpahary hanao izay tiany amin'ny voahariny ny zon'ny mpanao tanimanga hanao izay karazana fitoeran-javatra tiany amin'ny tanimanga. Mametraka ireo fanontaniana ireo i Paoly mba hanindriana ny heviny.

**Nahoana no nataonao tahaka izao aho?**  
 Ny teny hoe "ianao" dia milaza an'Andriamanitra. Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba ho fanamafisana. Afaka adika heoe DH: "Andriamanitra, tsy tokony nanao ahy ho toy izao ianao!"

## Romans 9:22

**Izy**  
 Ny teny hoe "izy" dia maneho an'Andriamanitra.

**fitoeran'ny fahatezerana ... fitoeran'ny famindram-po**  
 Miresaka ny amin'ny olona ho toy ny hoe fitoeran-javatra i Paoly. DH: "Olona mendrika ny fahatezerana ... olona mendrika ny famindram-po"

**ny haren'ny voninahiny**  
 Mampitaha ny hakanton'ny asan'Andriamanitra amin'ny "harena" lehibe i Paoly. DH: "ny voninahiny, izay sarobidy tokoa,"

**izay efa nomaniny mialoha ho amin'ny voninahitra**  
 Eto ny teny "voninahitra" dia milaza ny fiainana any an-danitra miaraka amin'Andriamanitra. DH: "Ireo izay nanomanany mialoha ny fotoana mba hiainan'izy ireo miaraka aminy"

**ho antsika koa**  
 Ny teny hoe "antsika" dia manondro an'i Paoly sy ireo mpino namana.

**nantsoiny**  
 Eto ny teny hoe "nantsoiny" dia midika fa Andriamanitra dia nanendry na nifidy ireo zanany,

mba ho mpanompony ary mpanambara ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy.

### Romans 9:25

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ato amin'ity fizarana iray ity Paoly dia manazava ny tsy finoan'Isiraely ho toy ny firenena izay nambara mialohan'ny fotoana tamin'ny alalan'i Hosea mpaminany.

#### Araka izay nolazainy tao amin'i Hosea ihany koa

Eto ny mpisolo tena tampsaka "-ny" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Araka ny nolazain'Andriamanitra ihany koa ao amin'ny boky izay nosoratan'i Hosea"

#### Hosea

Hosea dia mpaminany.

#### Hiantso ny oloko izay tsy oloko Aho

"Hifidy ho oloko ireo izay tsy oloko Aho"

#### ny malalany ilay tsy malala

Eto ny teny hoe "malalany" dia ny maneho an'i Gomera, vadin'i Hosea, izay misolo-tena ny firenen'Isiraely. Afaka adika hoe. DH: "Hifidy ilay iray izay tsy tiako ho tiako Aho"

#### 'zanak'Andriamanitra velona

Ny teny hoe "velona" dia mety hilazana hoe Andriamanitra irery ihany no Andriamanitra "marina," ary toy ireo sampy. DH: "zanak'ilay Andriamanitra marina."

### Romans 9:27

#### niantso mafy

"nihiaka mafy"

#### tahaka ny fasika eny amin'ny ranomasina

Eto Paoly dia mampitaha ny isan'ireo olona ao Isiraely amin'ny isan'ny fasika eny amin'ny ranomasina. DH: "tsy tambo isaina"

#### ho voavonjy

Mampiasa ny teny hoe "voavonjy" amin'ny heviny ara-panahy i Paoly. Raha mamonjy olona Andriamanitra, dia midika izany fa amin'ny alalan'ny finoana ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana, dia namela heloka azy Andriamanitra ary nanavotra azy mba tsy voasazy nohon'ny otany. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra hamonjy"

#### Teniny

Izany dia manambara ny zava-drehetra izay nolazain'Andriamanitra na nodidiany.

#### antsika ... isika

Eto ny teny hoe "antsika" sy "isika" dia manondro an'i Isaia, ary ao anatin'izany ireo zanak'Isiraely.

#### dia ho tahaka an'i Sodoma isika, ary ho lasa tahaka an'i Gomora

Afaka adika hoe DH: "ho namotika antsika rehetra Andriamanitra, tahaka ny namotehany ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora"

### Romans 9:30

#### Inona ary no holazaintsika?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hisintonana ny sain'ny mpamaky. DH: "Izao no tsy maintsy lazaintsika"

#### Fa ireo Jentilisa

"Isika dia hilaza fa ireo Jentilisa"

#### izay tsy nitady ny fahamarinana

"izay tsy niezaka ny hila sitraka tamin'Andriamanitra izy"

#### zay fahamarinana avy tamin'ny finoana

Eto ny teny hoe "tamin'ny finoana" dia ilazana ny fametrahana ny fitokisana amin'i Kristy. DH: "fa Andriamanitra nanamarina azy ireo tao aminy rehefa natoky an'i Kristy izy ireo"

#### dia tsy tonga tamin'izany

Izany dia midika fa ireo zanak'Isiraely dia tsy afaka ny nahazo sitraka avy amin'Andriamanitra tamin'ny fiezahana hitandrina ny lalàna. DH: "tsy afaka ny nahazo sitraka tamin'Andriamanitra tamin'ny fihazonana ny lalàna satria tsy afaka nihazona izany ireo"

### Romans 9:32

#### Nahoana moa?

Paoly dia mametraka izany fanontaniana mba hisintonana ny sain'ny mpamaky. DH: "Nahoana izy ireo no tsy ahatratra ny fahamarinana?"

#### tamin'ny asa

Maneho ireo zavatra izay ataon'ny olona mba hilana sitraka amin'Andriamanitra io. DH: "amin'ny fiezahana hanao zavatra izay mety hahafaly an'Andriamanitra" na "amin'ny fitandremana ny lalàna"

#### araka izay efa voasoratra

Afaka marihanao fa Isaia no nanoratra izany. Afaka adika hoe DH: "araka izay nosoratan'Isaia mpaminany"

#### ao Ziona

Ziona eto dia maneho an'Isiraely. DH: "ao Isiraely"

#### vaton'ny fanafintohinana sy vatolampin'ny fandikan-dalàna

Ireo teny ireo dia samy mitovy hevitra ary sarinteny maneho an'i Jesosy sy ny fahafatesany teo amin'ny hazofijaliana. Toy ny hoe tafintohina tamin'ny vato ny olona satria rikoriko ny amin'ny

feritreretana ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny  
hazo fijaliana izy ireo.

**mino izany**

Satria entina ilazana olona iray ny vato, dia mety  
mila adikanao hoe "mino azy" io.

---

## Chapter 10

<sup>1</sup> Ry rahalahy, ny irin'ny foko sy ny angatahiko amin'Andriamanitra ho azy ireo, dia ny famonjena azy ireo. <sup>2</sup> Fa mijoro vavolombelona momba azy ireo aho fa mafana fo ho an'Andriamanitra izy ireo, nefa tsy araka ny fahalalana. <sup>3</sup> Fa tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra ireny, ary mitady hametraka ny fahamarinan'izy ireo manokana. Tsy mnanaiky ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireny. <sup>4</sup> Fa Kristy no fahatanterahan'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino. <sup>5</sup> Fa Mosesy manoratra momban'ny fahamarinana izay avy amin'ny lalàna hoe: "Ny olona izay manao ny fahamarinan'ny lalàna dia hiaina amin'izany fahamarinana izany." <sup>6</sup> Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana dia milaza hoe: "Aza milaza izao ao am-po hoe: 'Iza no hiakatra any an-danitra?' (izany dia, mampidina an'i Kristy); <sup>7</sup> ary aza miteny hoe: 'Iza no hidina any amin'ny lalina?'" (izany dia, mampiakatra an'i Kristy amin'ny maty). <sup>8</sup> Fa inona no ambaran'izany? "Eo akaikinao ny teny, ao am-bavanao ary ao am-ponao." Izany no tenin'ny finoana, izay ambaranay. <sup>9</sup> Fa raha amin'ny vavanao no anekenao an'i Jesosy ho Tompo, ary mino amin'ny fonao fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy, dia ho vonjena ianao. <sup>10</sup> Fa amin'ny fo no inoan'ny olona ny fahamarinana, ary amin'ny vava no aneken'ny famonjena. <sup>11</sup> Fa hoy ny Soratra Masina hoe: "Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy." <sup>12</sup> Fa tsy misy fahasamihafana eo amin'ny Jiosy sy Grika. Fa Tompo iray ihany no Tompon'ny rehetra, ary harem-pahasoavana ho an'izay rehetra miantso Azy Izy. <sup>13</sup> Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no ho vonjena. <sup>14</sup> Ahoana ary no ahafahan'izy ireo miantso Azy izay tsy ninoany? Ahoana no ahafahan'izy ireo mino Azy izay tsy ren'izy ireo? Ahoana no ahafahan'izy ireo mandre raha tsy misy mpitory? <sup>15</sup> Ary ahoana no ahafahan'izy ireo mitory, raha tsy nisy naniraka? \_ Araka ny voasoratra hoe: "Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ireo manambara ireo zava-tsoan'ny filazantsara!" <sup>16</sup> Kanefa tsy izy rehetra no nihaino ny filazantsara. Fa hoy Isaia hoe: "Tompo, iza no nino ny hafatray?" <sup>17</sup> Noho izany ny finoana dia avy amin'ny fihainoana, ary ny fihainoana avy amin'ny tenin'i Kristy. <sup>18</sup> Fa hoy aho hoe: "Moa ve tsy nisy nandre izy ireo?" Eny, tena marina. "Ny feon'izy ireo dia efa nivoaka manerantany, ary ny tenin'izy ireo hatrany amin'ny faran'izao tontolo izao." <sup>19</sup> Ankoatra izay, hoy aho hoe: "Moa ve tsy nahafantatra ny Israely?" Tamin'ny voalohany Mosesy nilaza hoe: "Ho ataoko saropiaro amin'izay tsy firenena akory ianareo. Amin'ny firenena izay tsy misy fahalalana, ho ataoko tonga amin'ny fahatezerana ianareo." <sup>20</sup> Ary eo tena sahy tokoa Isaia rehefa niteny izy hoe: "Hitan'ireo izay tsy nitady ahy aho. Niseho tamin'ireo izay tsy nanontany ahy aho." <sup>21</sup> Fa hoy izy tamin'Israely hoe: "Tontolon'ny no nanatsorako ny tanako tamin'ny olona tsy mankatoa sy maditra."

### Romans 10:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza ny faniriany ny ho an'ny Isiraely mba hino i Paoly, saingy tsindriany fa na ireo Jiosy na ny olona tsirairay hafa koa dia amin'ny finoana an'i Jesosy ihany no ho voavonjy.

#### Ry rahalahy

Eto izany diaentina ilazana ireo namana Kristiana, ao anatin'izany na ny lehilahy na vehivavy.

#### ny irin'ny foko

'ny faniriako lehibe indrindra"

**dia ho azy ireo, ho amin'ny famonjena azy ireo**  
"fa Andriamanitra hamonjy ireo Jiosy"

**mijoro vavolombelona momba azy ireo aho**  
"manambara marina ny amin'izy ireo aho"

**Fa tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra ireny**

Eto ny hoe "fahamarinana" dia entina ilazana ny fomba hanamarin'Andriamanitra ny olona amin'ny

tenany. Afaka hazavainao kokoa izany ao amin'ny fandikan-teny. DH: "Fatsy fantatr'izy ireo ny fomba hanamarinan'Andriamanitra ny olona amin'ny tenany"

**Tsy manaiky ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireny**  
"tsy nanaiky ny fomba hanamarin'Andriamanitra ny olona amin'ny tenany izy ireo"

### Romans 10:4

**Fa Kristy no fahatanterahan'ny lalàna**

"Fa kristy no nahatanteraka feno ny lalàna"

**ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino**

Eto ny teny hoe "ireo mpino" dia midika hoe "matoky." DH: "mba hanamarinany eo anolohan'Andriamanitra ny tsirairay izay matoky Azy"

**ny fahamarinana izay avy amin'ny lalàna**

Paoly dia miresaka momba ny "fahamarinana" ho toy ny velona ary afaka mihetsika. DH: "ahoana no hanamarinan'ny lalàna ny olona eo anoloan'Andriamanitra"

**Ny olona izay manao ny fahamarinan'ny lalàna dia hiaina amin'izany fahamarinana izany**

Mba ho voamarina eo amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna, dia tokony nihazona tanteraka ny lalàna ny olona iray, izay tsy hay atao izany. DH: "Ny olona izay mankatoa tanteraka lalàna dia ho velona satria ny lalàna dia hanamarina azy eo anoloan'Andriamanitra"

**hiaina**

Ny teny hoe "hiaina" dia afaka adika hoe 1) fiainana mandrakizay na 2) fiainana mety maty ao amin'ny fikambanana amin'Andriamanitra.

**Romans 10:6**

**Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana dia milaza hoe**

Eto ny teny hoe "fahamarinana" dia voafaritra ho toy ny olona izay afaka miteny. DH: "Fa Mosesy nanoratra momba ny fomba hanamarinan'ny finoana ny olona eo anoloan'Andriamanitra"

**Aza milaza izao ao am-po**

Niresaka tamin'ireo olona toy ny miresaka amin'ny olona iray ihany i Mosesy. DH: "Aza miteny amin'ny tenanao"

**Iza no hiakatra any an-danitra?**

Mampiasa fanontaniana i Mosesy mba hampianarany ny mpihaino. Afaka adika hoe DH: "Tsy misy afaka miakatra any an-danitra"

**izany dia, ny mampidina an'i Kristy**

"mba hampidinan'izy ireo an'i Kristy eto an-tany"

**Iza no hidina any amin'ny lalina**

Mampiasa fanontaniana i Mosesy mba hampianarana ireo mpihaino. DH: Tsy misy olona afaka midina ary miditra any amin'ny toerana izay misy ny fanahin'ireo olona maty"

**zany dia, mampiakatra an'i Kristy amin'ny maty**

"mba hampitsanganan'izy ireo an'i Kristy amin'ny maty"

**maty**

Eto ny hoe "maty" dia midika fahafatesana ara-nofa.

**Romans 10:8**

**Fa inona no ambaran'izany?**

Ny teny hoe "izany" dia milaza ny "fahamarinana" ao amin'ny 10:6. Eto i Paoly dia mamaritra ny "fahamarinana" ho toy ny olona izay afaka miresaka. Mampiasa izany fanontaniana i Paoly mba ho hanisina fanindriana ny valin-teny izay homeny. DH: "Fa izao no lazain'i Mosesy"

**Eo akaikinao ny teny**

Miresaka ny "hafatr'Andriamanitra" ho toy ny olona izay afaka mihetsika i Paoly. DH: "Eto tokoa ny hafatra"

**amin'ny vavanao**

Ny teny hoe "vava" dia teny ilazana ireo izay lazain'ny olona. DH: "ao amin'izay lazainao"

**ary ao am-ponao**

Ny teny hoe "ao am-ponao" dia fomba fiteny izay ilzana izay eritreretin'ny olona sy hinoany. DH: "ary ao amin'izay eritreretinao sy hinoanao"

**raha amin'ny vavanao no anekenao an'i Jesosy ho Tompo**

"rafa manaiky ianao fa Jesosy no Tompo"

**mino amin'ny fonao**

"manaiky fa marina"

**Nanangana azy tamin'ny maty**

Eto izany dia midika fa Andriamanitra no nanangana an'i Jesosy ho velona indray.

**dia ho vonjena ianao**

Afaka adika hoe DH: "dia hamonjy anao Andriamanitra"

**Fa amin'ny fo no inoan'ny olona ny fahamarinana, ary amin'ny vava no aneken'ny famonjena**

Eto ny teny "fo" dia maneho ny saina na sitra-po. DH: "Fa amin'ny saina no atokisan'ny olona ary sy maha-marina azy eo anoloan'Andriamanitra, ary amin'ny vava no haneken'ny olona sy hamonjen'Andriamanitra azy"

**amin'ny vava**

Eto ny "vava" dia maneho ny fahafahan'ny olona miteny.

**Romans 10:11**

**Fa hoy ny Soratra Masina**

Miresaka ny amin'ny Soratra masina ho toy ny velona ary manam-peo i Paoly. DH: "Fa nosoratan'Isaia tao amin'ny Soratra Masina"

**Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy**

Izany dia mitovy amin'ny hoe: "Izay rehetra tsy mino dia ho menatra." Afaka adika hoe DH: "Hanome voninahitra ireo rehetra izay mino Azy Andriamanitra"

**Fa tsy misy fahasamihafana eo amin'ny Jiosy sy Grika**

Misy hevitra ambadika tia n'i Paoly ambara fa Andriamanitra dia mampitovy ny olona rehetra. Afaka adika mazava koa hoe. DH: "Amin'izany, Andriamanitra dia mampitovy ireo Jiosy sy ireo tsy Jiosy"

**ary harem-pahasoavana ho an'izay rehetra miantso Azy Izy**

Eto ny teny "harem-pahasoavana" dia midika fa Andriamanitra dia manome harem-pitahiana. DH: "ary izy dia manome harem-pitahiana ny rehetra izay mitoky Aminy"

**Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no ho vonjena.**

Eto ny teny hoe "anarana" dia maneho an'i Jesosy. Afaka adika hoe DH: "Ny Tompo hamonjy ny olona rehetra izay mitoky Aminy"

## Romans 10:14

**Ahoana ary no ahafahan'izy ireo miantso Azy tsy izay ninoany?**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba ho fanindriana ny lanjan'ny fitondrana ny vaovao mahafalin'i Kristy ho an'ireo izay tsy nahare. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo izay mbola tsy an'Andriamanitra. DH: "Ireo izay tsy mino an'Andriamanitra dia tsy afaka miantso Azy"

**Ahoana no ahafahan'izy ireo mino Azy izay tsy ren'izy ireo?**

Mampiasa fanontaniana iray hafa i Paoly noho'ny antony iray ihany. DH: "Ary izy ireo dia tsy afaka ny hino Azy raha tsy mandre ny hafatra" na "Ary izy ireo dia tsy afaka ny hino Azy raha tsy maheno ny hafatra momba Azy"

**mino**

Eto izany dia midika hoe manaiky fa marina izay lazain'izany olona izany.

**Ahoana no ahafahan'izy ireo mandre raha tsy misy mpitory?**

Mampiasa fanontaniana iray hafa i Paoly nohon'ny antony mitovy amin'izany ihany. DH: "Ary izy ireo dia tsy afaka mahare ny hafatra raha tsy misy olona milaza amin'izy ireo"

**Ary ahoana no afahan'izy ireo mitory, raha tsy nisy naniraka?**

Mampiasa fanontaniana iray hafa i Paoly nohon'ny antony mitovy amin'izany ihany. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ireo olona izay an'Andriamanitra. DH: "Ary izy ireo dia tsy afaka miteny ny olona hafa ny hafatra raha tsy misy olona mandefa azy ireo"

**Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ilay manambara ireo zavatra tsaran'ny filazantsara**

Mampiasa ny hoe "tongotra" mba hanehoana ireo izay mandeha ary mitondra ny hafatra ho an'ireo izay mbola tsy nahare izany. DH: "Mahafinaritra tokoa raha ny mpitondra hafatra no tonga ary milaza aminay ny vaovao mahafaly!"

## Romans 10:16

**Kanefa tsy izy rehetra no nihaino**

Eto ny teny hoe "izy rehetra" dia manondro ireo Jiosy. "Kanefa tsy ireo Jiosy rehetra no nihaino"

**Tompo, iza no nino ny hafatray?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana fa naminany tao amin'ny Soratra Masina Isaia fa Jiosy maro no tsy hino an'i Jesosy. Afaka adika ho teny tsotra izany. DH: "Tomo, maro

amin'izy ireo no tsy nino ny hafatray" Finoana - manaiky na matoky fa marina ny zavatra iray.

**ny hafatray**

Eto ny mpisolo-tena dia manondro an'Andriamanitra sy Isaia.

**ny finoana dia avy amin'ny fihainoana**

Eto ny "finoana" dia ilazana ny "finoana an'i Kristy"

## Romans 10:18

**Fa hoy aho hoe: "Moa ve tsy nisy nandre izy ireo?" Eny, tena marina**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. Afaka adika ho teny tsotra izany. DH: "Fa, milaza aho fa ny Jiosy dia azo antoka fa nahare ny hafatra momba an'i Kristy"

**Ny feon'izy ireo dia efa nivoaka maneran-tany, ary ny tenin'izy ireo hatrany amin'ny faran'ny tany."**

Mitovy hevitra ihany ireo teny anankiroa ireo ary ampiasain'i Paoly ireo mba ho fanamafisana. Ny teny hoe "izy ireo" dia manondro ny masoandro, volana, ary kintana. Eto ireo dia nofaritana ho toy ny olona mpitondra hafatra izay manambara amin'ny hafa ny momba an'Andriamanitra. Izany dia maneho fa ny fisian'ireo dia mampiseho ny herin'Andriamanitra sy ny voninahiny. Afaka hazavaina fa Paoly dia milaza ny teny avy ao amin'ny Soratra masina eto. DH: "Araka ny voarakitry ny Soratra Masina, ny masoandro, volana, ary ireo kintana dia porofon'ny herin'Andriamanitra sy ny voninahiny, ary ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao mahita azy ireo ary mahafantatra ny marina momba an'Andriamanitra"

## Romans 10:19

**Ankoatra izay, milaza aho hoe: "Moa ve tsy nahafantatra ny Israely?"**

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. Ny teny hoe "Israely" dia ilazana ny olona izay nonina tao amin'ny firenen'Israely. DH: "Lazaiko aminareo indray fa ny vahoakan'Israely dia nahalala ny hafatra tokoa"

**Tamin'ny voalohany Mosesy nilaza hoe: "Ho ataoko saropiaro ... ho ataoko tezitra ianareo**

Izany dia midika fa nosoratan'i Mosesy izay nolazain'Andriamanitra. Ny teny "ataoko" dia manondro an'Andriamanitra, ary ny hoe "ianareo" dia manondro ny zanak'Israely. DH: "Voalohany Mosesy miteny fa Andriamanitra dia hiantsy anareo ... Andriamanitra dia hampatezitra anareo"

**amin'izay tsy firenena akory**

"amin'ireo izay tsy heverinareo ho tena firenena akory" na "amin'ireo olona izay tsy an'ny firenena"

**Amin'ny firenena izay tsy misy fahalalana**

Eto ny teny hoe "tsy misy fahalalana" dia entina ilazana ireo olona izay tsy mahafantatra

an'Andriamanitra. DH: "Amin'ny firenena izay misy olona tsy mahafantatra Ahy na ireo didiko"

**ho ataoko tezitra ianareo**

"hanao izay hahatezitra anareo Aho"

**Ianareo**

Manondro ny firenen'Israely.

**Romans 10:20**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe "Ahy," sy "aho," dia milaza an'Andriamanitra.

**Avy eo tena sahy Isaia rehefa niteny izy hoe**

Izany dia midika fa Isaia mpaminany dia nanoratra izay nolazain'Andriamanitra.

**Hitan'ireo izay tsy nitady ahy aho**

Matetika ireo mpaminany dia miresaka ny zavatra ho avy ho toy ny hoe efa nitranga. Izany dia

manamafy fa ireo faminanina dia tanteraka. Afaka adika hoe DH: "Na dia ireo olona Jentilisa tsy mitady Ahy aza, dia hahita Ahy"

**Ary niseho tamin'ireo izay tsy nanontany ahy aho**

"nampafantatra ny tenako Aho"

**Fa hoy izy**

Ny hoe "Izy" dia manondro an'Andriamanitra, izay miresaka amin'ny alalan'Isaia.

**Tontolon'ny andro**

Izany fehezanteny izany dia ampiasana ho fanamafisana fa Andriamanitra dia miezaka hatrany. "manohy hatrany"

**nanatsorako ny tanako tamin'ny olona tsy mankatò sy manohitra**

"Niezaka ny handray sy hanampy anareo aho, nefa nandà ny fanampiano ianareo ary nanohy ny tsy fankatoavanareo"



## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary niteny aho, narian'Andriamanitra ve ny olony? Sanatria anie izany. Fa izaho ihany koa dia Isiraelita, taranak'i Abrahama, avy amin'ny fokon'i Benjamina. <sup>2</sup> Andriamanitra dia tsy nanary ny olony, izay efa fantany teo aloha. Tsy fantatrarao ve izay voalazan'ny Soratra Masina momba an'i Elia, dia ilay fitarainany tamin'Andriamanitra namely an'Israely? hoe: <sup>3</sup> Tompo, izy ireo dia namono ireo mpaminaninao, namotika ny alitaranao. Izaho irery sisa tavela, ary mifofo ny aiko izy ireo." <sup>4</sup> Fa inona no valin-teny nambaran'Andriamanitra azy? "Nanokana fito arivo lahy ho an'ny tenako Aho izay tsy nandohalika teo amin'ny Bala." <sup>5</sup> Dia toy izany, amin'izao ankehitriny izao ihany koa dia misy sisa ihany nohon'ny fisafidianana amin'ny fahasoavana. <sup>6</sup> Fa raha avy amin'ny fahasoavana izany, dia tsy avy amin'ny asa intsony. Fa raha izany dia tsy fahasoavana intsony ny fahasoavana. <sup>7</sup> Inona ary? Ny zavatra izay notadiavin'Isiraely, dia tsy azony, fa ny voafidy no nahazo izany, ary nohamafisina ireo ambiny. <sup>8</sup> Izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Andriamanitra dia nanome azy ireo ny fanahin'ny fitavozavozana, maso mba tsy hahitan'izy ireo, ary sofina mba tsy handrenesan'izy ireo, mandrak'androany." <sup>9</sup> Ary hoy i Davida hoe: "Aoka ny latabany ho harato sy fandrika, ho vato mamingana sy valifaty ho azy ireo. <sup>10</sup> Aoka ny mason'izy ireo hohamaizinina mba tsy hahita, ary aoka hiondrika mandrakizay ny lamosin'izy ireo." <sup>11</sup> Dia hoy aho hoe: "Moa ve tafintohina ireo mba ho lavo?" Sanatria anie izany. Fa kosa, avy amin'ny fahalavoan'izy ireo, no nahatongavan'ny famonjena teo amin'ireo jentilisa, mba hampialona azy ireo. <sup>12</sup> Ary raha ny fahalavoan'izy ireo no haren'izao tontolo izao, ary raha ny fahaverezan'izy ireo no haren'ireo jentilisa, dia manao ahoana ny halehiben'ny fahatanterahan'izy ireo? <sup>13</sup> Fa ankehitriny dia miresaka aminareo Jentilisa aho, ary raha mbola apostolin'ireo Jentilisa aho, dia mankasitraka ny fanompoako. <sup>14</sup> Angamba hampialona ireo izay avy amin'ny nofoko manokana aho. Angamba hamonjy ny sasany amin'izy ireo isika. <sup>15</sup> Fa raha midika fampihavanana an'izao tontolo izao ny fandavana azy ireo, dia inona no handraisana azy ireo izany fa fiainana avy amin'ny fahafatesana? <sup>16</sup> Raha voatokana ny vokatra voalohany, dia ny ampahany amin'ny kobam-bary koa. Raha voatokana ny fakany, dia toy izany ihany koa ireo rantsany. <sup>17</sup> Fa raha notapahina ny rantsana sasany, ary raha ianao, sampana olivadia, no natambatra teo amin'izy ireo, ary raha nifampizara tamin'izy ireo ny faka-mamokatry ny hazo oliva ianao, <sup>18</sup> aza mirehareha amin'ireo sampana. Fa raha mirehareha ianao, dia tsy ianao no mitondra ny fakany, fa ny fakany no mitondra anao. <sup>19</sup> Dia hiteny ianao hoe: "Notapahina hiala ireo rantsana mba hafahako mifandray aminy." <sup>20</sup> Marina izany. Nohon'ny tsy finoan'izy ireo dia notapahina hiala izy ireo, fa ianareo dia mijoro tsara nohon'ny finoanareo. Aza manao ny tenanareo ho ambony, fa matahora. <sup>21</sup> Fa raha ny tena sampana aza tsy navelan'Andriamanitra, dia tsy ho avelany ihany koa ianao. <sup>22</sup> Ary, Jereo, ny fahamoram-po sy ny fahasaro-pon'Andriamanitra. Etsy andaniny, ny fahasaro-po dia tonga amin'ireo jiosy izay lavo. Fa etsy ankilany kosa, ny hatsaram-panahin'Andriamanitra dia tonga aminareo, raha maharitra ao amin'ny hatsaram-panahiny ianareo. Fa raha tsy izany dia ho tapahina koa ianareo. <sup>23</sup> Ary na ireny aza, raha tsy manohy amin'ny tsy finoany izy ireo, dia hatambatra. Fa Andriamanitra dia afaka mamerina manambatra azy ireo indray. <sup>24</sup> Fa raha notapahina tamin'ny hazo oliva-dia ianareo, ka natambatra tamin'ny hazo oliva tsara, dia toy ny ahoana ny fohoaran'ny habetsak'ireo jiosy, izay sampana voajanahary, natambatra tamin'ny hazo olivan'izy ireo manokana? <sup>25</sup> Fa tsy tiako tsy hahafantatra ianareo, ry rahalahy, ny amin'izany zava-miafina izany, mba tsy haha-hendry anareo amin'ny eritreritrareo manokana. Izany zava-miafina izany dia efa nahamafy loha ny ampahany amin'Isiraely, mandra-piavin'ny fahafenoan'ireo Jentilisa. <sup>26</sup> Noho izany dia ho vonjena avokoa ny Isiraely rehetra, araka ny voasoratra hoe: "Hivoaka avy any Ziona ny mpanafaka. Hanala ny haratsiam-panahy amin'i Jakoba Izy, <sup>27</sup> ary izany no ho fanekep- pihavanako amin'izy ireo, rehefa hanaisotra ny fahotan' izy ireo Aho." <sup>28</sup> Amin'ny lafiny iray mahakasika ny filazantsara, dia fahavalo izy ireo nohon'ny aminareo. Amin'ny lafiny iray hafa araka ny safidin'Andriamanitra, dia malala izy ireo noho ireo razana. <sup>29</sup> Fa ireo fanomezana sy antson'Andriamanitra dia tsy miova. <sup>30</sup> Fa ianareo dia tsy nankatoa an'Andriamanitra fahiny, kanefa ankehitriny ianareo dia nandray ny famindram-po nohon'ny tsy fankatoavan'izy ireo. <sup>31</sup> Tahaka izany ihany koa, ankehitriny ireo Jiosy dia tsy nankatoa. Ny vokany dia tamin'ny alalan'ny famindram-po izay naseho anareo no mety handraisana'izy ireo ny famindram-po ihany koa ankehitriny. <sup>32</sup> Fa Andriamanitra efa nanidy ny tsy fankatoavana rehetra, mba afahany mampiseho famindram-po amin'ny rehetra. <sup>33</sup> Endrey, ny halalin'ny ireo haren'ny fahendrena sy fahalalan'Andriamanitra! Tsy takatry ny saina ireo fitsarany, ary ireo lalany dia tsy hay refesina! <sup>34</sup> "Fa iza no nahalala ny fihevitra ny Tompo na iza no tonga ho mpanolo-tsaina Azy? <sup>35</sup> Na iza no nanome zavatra an'Andriamanitra aloha, ka tsy maintsy hanoneran'Andriamanitra azy indray?" <sup>36</sup> Fa avy Aminy sy amin'ny alalany ary ho Azy ny zavatra rehetra. Ho Azy mandrakariva ny voninahitra. Amena.

## Footnotes

11:6 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny antontan-taratasy sasany taloha dia mamaky hoe: "Kanefa raha avy amin'ireo asa izany, dia tsy fahasoavana intsony; fa raha izany dia tsy asa intsony ny asa."

## Romans 11:1

**Fampifandraisana ny Foto-kevitra:**

Na dia nandà an'Andriamanitra aza ny firenen'Israely, dia te hampahafantatra azy ireo Andriamanitra fa ny famonjena izay tonga amin'ny fahasoavana tsy misy asa.

**Ary miteny aho**

"izaho, Paoly, dia miteny"

**narian'Andriamanitra ve ny olony?**

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hahafahany mamaly ireo fanontaniana ireo Jiosy hafa izay tohina ny amin'ny nanaovan'Andriamanitra ireo Jentilisa ho isan'ny olony, raha nohamafisina ny fon'ireo olona Jiosy.

**Sanatria anie izany**

"tsy hisy anie izany!" na "tsia velively!" Izany fomba fiteny izay dia mandà tanteraka fa tsy hisy izany. Mety manana fomba fiteny mitovy amin'izany ianao ao amin'ny fiteninao izay azonao ampiasaina eto. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 9:14.

**fokon'i Benjamina**

Izany dia milaza ny foko avy amin'ny taranak'i Benjamina, iray amin'ireo foko roa ambin'ny folo izay nanasarahana Andriamanitra ny vahoaka Israely.

**izay efa fantany teo aloha**

"izay fantany mialohan'ny fotoana"

**Tsy fantatrareo ve izay voalazan'ny Soratra Masina momba an'i Elia, dia ilay fitarainany tamin'Andriamanitra namely an'Israely?**

Afaka adika hoe DH: "Azo antoka fa fantatrareo ireo zavatra raketin'ny Soratra Masina momba an'i Elia rehefa nitalaho mafy tamin'Andriamanitra noho Israely"

**izay voalazan'ny Soratra Masina**

Ataon'i Paoly toy ny hoe afaka miteny ny Soratra Masina.

**izy ireo dia namono**

Ny hoe "izy ireo" dia manondro ireo vahoakan'Israely.

**Izaho irery sisa tavela**

Ny mpisolo-tena "Izaho" dia milaza an'i Elia.

**mifofo ny aiko**

"maniry ny hamono ahy"

## Romans 11:4

**Fa inona no valin-teny nambaran'Andriamanitra azy?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hitondrana ny mpamaky hankany amin'ny heviny manaraka. DH: "Ahoana no hamalian'Andriamanitra azy?"

**azy**

Ny hoe "azy" dia manondro an'i Elia.

**fito arivo lahy**

7,000 lahy

**sisa**

Eto izany dia ilazana ny ampahany kely amin'ny vahoaka izay nofidiana Andriamanitra handray ny fahasoavany.

## Romans 11:6

**Fa raha avy amin'ny fahasoavana izany,**

Manohy manazava ny fomba ny fiasan'ny famindram-pon'Andriamanitra i Paoly. DH: "Fa satria miasa amin'ny fahasoavana ny famindram-pon'Andriamanitra"

**Inona ary**

"Inona no tokony ho raisintsika amin'izany? Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hitondrana ny mpamaky ho amin'ny heviny manaraka. Afaka adika ho teny tsotra io. DH: "Izao no mila tadidiansika"

**Andriamanitra dia nanome azy ireo fanahin'ny fitavozavozana, maso mba tsy hahitan'izy ireo, ary sofina mba tsy handrenesan'izy ireo,**

Io dia sarin-teny momba ny zava-misy fa donto arapanahy ny olona. Tsy afaka mandre izy ireo na mandray fahamarinana arapanahy.

**fanahin'ny**

Izany dia midika "fananana toetry ny," toy ny "fanahin'ny fahendrena"

**maso mba tsy hahitan'izy ireo**

Ny foto-kevitra ny fahitana amin'ny maso iray dia noraisina ho toy ny mitovy amin'ny fahazoana fahalalana.

**sofina mba tsy handrenesan'izy ireo**

Ny foto-kevitra ny fandrenesana amin'ny sofina iray dia noraisina ho toy ny mitovy amin'ny fankatoavana.

**Romans 11:9****Aoka ny latabany ho harato sy fandrika**

Ny "Latabatra" dia teny entina anehoana fanasana, ary ny "harato" sy "fandrika" dia sarin-teny maneho sazy. Afaka adika hoe DH: "Miangavy re, Andriamanitra, ataovy ho fandrika hahava azy ireo ny fanasan'izy ireo"

**vato mamingana**

Resahin'i Paoly ho toy ny lavo amin'ny tany ny olona manota. Ny "vato mamingana" dia izay zavatra mahatonga ny olona ho tafintohina ka lavo amin'ny tany. DH: "zavatra izay mahatonga ny olona iray hanota"

**sy valifaty ho azy ireo.**

"zavatra izay mamela anareo hamaly faty azy ireo"

**ary aoka hiankohoka mandrakariva izy ireo**

Mangataka amin'Andriamanitra i Davida mba hahatonga ireo fahavalony ho andevo izay mitondra enta-mavesatra ao an-damosin'izy ireo mandrakariva.

**Romans 11:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Noho Israely izay firenena nandà an'Andriamanitra, dia mampitandrina ireo Jentilisa i Paoly mba tsy hamerina ny fahadisoana toy izany.

**Moa ve tafintohina ireo mba ho lavo?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba ho fanamafisana. DH: "Nandà azy ireo mandrakizay ve Andriamanitra satria dia nanota izy ireo?"

**Sanatria anie izany**

"Tsy hisy anie izany!" na "Tsia velively!" Izany fomba fiteny dia mandà tanteraka fa tsy hisy izany.

**Ho ataoko saropiaro**

Adikao araka ny nataonao tao amin'ny 10:19 io.

**raha ny fahalavoan'izy ireo no haren'izao tontolo izao, ary raha ny fahaverezan'izy ireo no haren'ireo jentilisa**  
Ireo fehezanteny roa ireo dia manana mitovy hevitra ihany. Raha ilaina, dia afaka adika hoe DH: "rehefa lavo ara-panahy ireo Jiosy, dia nitahy ireo tsy Jiosy tamin'ny fitahiam-be Andriamanitra ho vokatr'izany"

**haren'ireo jentilisa**

Satria nandà an'i Kristy ireo Jiosy, dia nitahy ireo Jentilisa tamin'ny harem-pitahiana Andriamanitra tamin'ny fanomezana azy ireo ny tombony handray an'i Kristy.

**izao tontolo izao**

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia teny maneho ny olona izay monina eto amin'izao tontolo izao, indrindra ireo Jentilisa.

**Romans 11:13****"Ho ataoko saropiaro**

Adikao araka ny nataonao tao amin'ny 10:19 io.

**ireo izay avy amin'ny nofoko manokana**

Izany dia ilazana "ireo Jiosy namako"

**Angamba hamonjy ny sasany amin'izy ireo isika.**

Hamonjy ireo izay mino Andriamanitra. DH: "Angamba hino ny sasany ary Andriamanitra hamonjy azy ireo"

**Romans 11:15****azy ireo**

Manondro ireo Jiosy tsy mpino io.

**izao tontolo izao**

Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia ilazana ireo olona izay monina eto amin'izao tontolo izao. DH: "ny olona eto amin'izao tontolo izao"

**inona no handraisana azy ireo izany fa fiainana avy amin'ny fahafatesana?**

Mametraka fanontaniana i Paoly mba ho fanamafisana. Afaka adika hoe DH: "ahoana no handraisan'Andriamanitra azy ireo rehefa mino an'i Kristy izy ireo? Izany dia toy ny hoe nitsangan-ko velona indray izy ireo!"

**Raha voatokana ny vokatra voalohany, dia ny ampahany amin'ny kobam-bary koa**

Miresaka momba an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba, ireo razan'ny Israely, ho toy ny "voaloham-bokatra" ho jinjana i Paoly. Izy ihany koa dia miresaka momba ny Isiraelita izay taranak'ireo lehilahy ireo ho toy ny "ampahany amin'ny kobam-bary" izay nataon'izy ireo avy amin'ny voa.

**Raha voatokana ny fakany, dia toy izany ihany koa ireo rantsany.**

Miresaka momba an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba, ireo razan'ny Israely, ho toy ny "fakan-kazo" i Paoly, ireo ary ireo Isiraelita izay taranaky ireo lehilahy ireo, ho toy ireo "rantsan-kazo"

**voatokana**

Nanokana ny voaloham-bokatra izay nojinjain'izy ireo ho an'Andriamanitra foana ny olona. Eto ny teny hoe "voaloham-bokatra" dia maneho ny olona voalohany mino an'i Kristy.

**Romans 11:17****raha ianao, sampana olivadia**

Ny mpisolo-tena "ianao," ary ny teny hoe "sampana oliva-dia," dia ilazana ny olona Jentilisa izay nandray ny famonjena tamin'ny alalan'i Jesosy.

**Fa raha notapahina ny rantsana sasany**

Eto i Paoly dia mampitaha ireo Jiosy izay nandà an'i Jesosy amin'ny "rantsana notapahina." Afaka adika

hoe DH: "Fa raha nisy olona nanapaka ny sasany amin'ireo rantsana"

#### **natambatra teo amin'izy ireo**

Eto i Paoly miresaka mampitaha irao Kristiana Jentilisa amin'ny "rantsana natambatra." Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra namatotra anareo tamin'ny hazo teo amin'ireo sampana sisa tavela"

#### **ny faka-mamokatriny ny hazo oliva**

Eto ny teny hoe "faka-mamokatra" dia sarin-teny entina ilazana ireo fampanantenana'Andriamanitra.

#### **aza mirehareha amin'ireo sampana**

Eto ny teny hoe "ireo sampana" dia sarin-teny entina ilazana ireo olona Jiosy. DH: "aza miteny ho tsara noho ireo olona Jiosy izay nolavin'Andriamanitra ianao"

#### **tsy ianao no mitondra ny fakany, fa ny fakany no mitondra anao.**

Paoly dia milaza hatrany fa ireo mpino Jiosy no sampana. Noho ny fanekena fampanantenana izay nataony tamin'ireo Jiosy ihany no hamonjen'Andriamanitra azy ireo.

### **Romans 11:19**

#### **Notapahina ireo rantsana**

Eto ny teny hoe "rantsana" dia ilazana ireo Jiosy izay nandà an'i Jesosy ary izay nolavin'Andriamanitra ankehitriny. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nanapaka ny rantsana"

#### **mba hafahako mifandray**

Paoly mampiasa izany fehezanteny izany mba hilaza ireo Jentilisa mpino izay noraisain'Andriamanitra. Afaka adika hoe. DH: "mety hamatotra ahy izy amin'ny"

#### **izy ireo ... izy ireo**

Ireo teny ireo dia manondro ireo olona Jiosy izay tsy nino.

#### **fa ianareo dia mijoro tsara noho ny finoanareo**

Miresaka ny amin'ireo mpino Jentilisa izay nijanona ho mahaoky ho toy ny hoe miorina tsara ka tsy misy afaka manozongozona azy ireo i Paoly. DH: "fa mitoetra ianareo noho ny finoanareo"

#### **Fa raha ny tena sampana aza tsy navelan'Andriamanitra, dia tsy ho avelany ihany koa ianao.**

Eto ny teny hoe "tena sampana" dia ilazana ireo olona Jiosy izay nandà an'i Jesosy. DH: "Satria tsy niaro ireo Jiosy tsy mino, izay nitombo tahaka tena ratsan-kazo naniry avy amin'ny fakany Andriamanitra, dia fantaro, fa raha tsy mino ianao, dia tsy hiaro anao koa izy

### **Romans 11:22**

#### **ny fahamoram-po sy ny fahasaro-pon'Andriamanitra**

Mampatsiahy ireo mpino Jiosy i Paoly fa na dia mety manao zavatra amin'ny fahatsoram-po amin'izy ireo

aza Andriamanitra, tsy hisalasala ny hitsara sy hanasazy azy ireo Izy.

#### **ny fahasaro-po dia tonga amin'ireo jiosy**

Resahin'i Paoly ho toy ny hoe velona ary mihetsika ny "fahasaro-po." DH: "Andriamanitra dia nifanaraka mafy tamin'ireo Jiosy"

#### **Fa raha tsy izany dia ho tapahina koa ianareo.**

Mampiasa ny sarin-tenin'ny rantsana indray i Paoly, izay afaka "tapahin'Andriamanitra" raha ilainy izany. Afaka adika hoe DH: "Raha tsy izany dia ho tapahin'Andriamanitra ianareo"

### **Romans 11:23**

#### **raha tsy mitohy amin'ny tsy finoany izy ireo**

Ny fehezanteny hoe "tsy mitohy amin'ny tsy finoany izy ireo" dia afaka adika hoe DH: "Raha manomboka mino an'Kristy ireo Jiosy"

#### **dia averina hatambatra izy ireo**

I Paoly dia miresaka momba ireo Jiosy ho toy ny rantsana izay afaka averina hatambatra eo amin'ny hazo indray raha manomboka mino an'i Jesosy. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra hamerina hanambatra azy ireo indray"

#### **hatambatra**

Izany dia fomba mahazatra hametrahana ny ratsan-kazo iray eo amin'ny hazo iray hafa mba hitomboan'izany rantsana izany eo amin'izany hazo izany.

#### **Fa raha notapahina tamin'ny hazo oliva-dia ianareo, ka natsofoka tamin'ny hazo oliva tsara, dia ho betsaka mihoatra toy ny ahoana ireo jiosy, izay sampana voajanahary, hatambatra amin'ny hazon'olivan'izy ireo manokana?**

Paoly dia manohy miresaka momba ireo mpino Jentilisa sy ireo Jiosy ho toy ny rantsana avy amin'ny hazo iray. Afaka adika hoe DH: "Fa raha Andriamanitra no manapaka anareo hiala amin'ny oliva-dia voajanahary, ary nanambatra anareo tamin'ny hazon'oliva tsara, dia akory ny hanamabrany ireo Jiosy, amin'ny hazo olivan'izy ireo?"

#### **rantsana**

Miresaka ny amin'ireo Jiosy sy Jentilisa ho toy ny rantsana i Paoly. Ny "rantsana voajanahary" dia maneho ireo Jiosy, ary ny "rantsana natambatra" dia maneho ireo mpino Jentilisa.

#### **izy ireo ... izy ireo**

Ireo teny ireo dia manondro ny Jiosy avokoa.

### **Romans 11:25**

#### **tsy tiako tsy hahafantatra ianareo,**

Eto Paoly dia mampiasa fandavana indroa. Afaka hoe. DH: "Fa tena tiako hahafantatra tokoa ianareo"

**ry rahalahy**

Eto ny teny hoe "rahalahy" dia ilazana ireo namana Kristiana, ao anatin'izany na lahy na vavy.

**izaho**

Ny teny hoe "izaho" dia manondro an'i Paoly.

**ianareo ... anareo ... anareo**

Ireo teny ireo dia manondro ireo mpino Jentilisa.

**mba tsy haha-hendry anareo amin'ny eritreritreo manokana**

Tsy tian'i Paoly hieritreritra ireo mpino Jentilisa fa hendry noho ireo tsy mpino Jiosy izy ireo. DH: "mba tsy hieveranareo fa hendry mihoatra izay izy ianareo"

**nahamafy loha ny ampahany amin'Isiraely**

Miresaka ny amin'ny "hamafisana" na ny hamafisandoha ho toy ny fahamafisan'ireo taova ao amin'ny vatana i Paoly. Ireo Jiosy sasany dia nandà ny handray ny famonjena amin'ny alalan'ny Jesosy. DH: "maro amin'ireo vahoaka Israely no mafy loha hatrany"

**mandra-piavin'ny fahafenoan'ireo Jentilisa.**

Ny teny hoe "mandra-piavin'ny" eto dia mandroso hevitra fa ny sasany amin'ireo Jiosy dia hino aorian'ny fiakaran'ny fitondran'Andriamanitra ireo Jentilisa ho ao amin'ny fiangonana.

**Romans 11:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia miteny fa hisy mpanafaka ho tonga avy ao amin'Israely ho voninahitr'Andriamanitra.

**Noho izany dia ho vonjena avokoa ny Isiraely rehetra**

Eto Paoly dia miteny amin'ny amin'ny fomba filazana amin'ny ankapobeny. Tsy milaza akory izy fa ny olona rehetra ao Israely dia hovanjena. Afaka adika hoe DH: "Noho izany Andriamanitra hamonjy ny maro ao Israely"

**araka ny voasoratra hoe**

Afaka adika hoe DH: "araka izay voarakitry ny soratra masina"

**Hivoaka avy any Ziona**

Eto ny hoe "Ziona" dia nampiasaina ilazana fitoerana izay hitoeran'Andriamanitra. DH: "Avy eo amin'izay misy an'Andriamanitra eo amin'ireo Jiosy"

**ny mpanafaka**

"ilay iray izay hanafaka ny olony"

**Hanala ny haratsiam-panahy ... Izy**

Paoly dia miresaka ny haratsiam-panahy ho toy ny zavatra izay afaka esorin'ny olona, mety toy ny olona manala akanjo.

**amin'i Jakoba**

Eto "Jakoba" dia nampiasaina ho mba ilazana an'i Isiraely. DH: "Avy amin'ny vahoaka Isiraely"

**hanaisotra ny fahotan'izy ireo Aho**

Eto i Paoly dia miresaka momba ireo fahotana ho toy ny zavatra izay afaka esorin'ny olona. DH: "Hanaisotra ny vesatry ny fahotan'izy ireo Aho"

**Romans 11:28****Amin'ny lafiny iray ... Amin'ny lafiny iray hafa**

Ireo teny ireo dia mampitaha hevitra roa samy hafa. Mampiasa ireo fehezanteny ireo i Paoly mba hanazavana fa Andriamanitra dia nandà ireo Jiosy, nefa Izy dia tia azy ireo ihany koa.

**mahakasika ny filazantsara**

Afaka hazavaina ihany koa fa Andriamanitra nandray ireo Jiosy tahk ny fahavalo satria izy ireo dia nandà an'i Jesosy. DH: "satria ireo Jiosy nandà ny vaovao mahafaly momban'i Kristy"

**fahavalo izy ireo nohon'ny aminareo**

Ny fitiavan'Andriamanitra ireo Jentilisa dia lehibe tokoa hany toa toy ny hoe fankahalana ny fitiavany ireo Jiosy raha ampitahaina.

**malala izy ireo noho ireo razana**

Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nitia azy ireo hatrany noho izay nampanantenainy ho atao ho an'ny taranak'izy ireo"

**Fa ireo fanomezana sy antson'Andriamanitra dia tsy miova.**

Miresaka ny fitahiana ara-panahy sy ara-nofo izay nampanantenain'Andriamanitra homena ny olony ho toy ny fanomezana i Paoly. Ny antson'Andriamanitra entina ilazana fa niantso ireo Jiosy mba ho olony Andriamanitra. DH: "Fa Andriamanitra dia tsy mba niova hevitra ny amin'izay nampanantenainy homena azy ireo, sy ny amin'izay niantsoany azy ireo ho olony"

**Romans 11:30****Fa ianareo dia tsy nankatoa an'Andriamanitra fahiny "fahiny ianareo dia tsy nankatoa"****ankehitry ianareo dia nandray ny famindram-po nohon'ny tsy fankatoavan'izy ireo**

Eto ny hoe famindram-po dia midika fitahin'Andriamanitra izay tsy mendrika antsika. DH: "satria dia nandà an'i Jesosy ireo Jiosy, dia nandray ireo fitahina izay tsy mendrika anareo ianareo"

**ianareo**

Io dia manindro ireo mpino Jentilisa.

**Andriamanitra efa nanidy ny tsy fankatoavana rehetra**

Noraisin'Andriamanitra ho toy ny gadra izay tsy afa-mandositra ao amin'ny figadrana ireo olona tsy

mankatoa Azy. DH: "Andriamanitra nanagadra ireo izay mankatoa Azy. Ary tsy mitsahatra tsy mankatoa an'Andriamanitra izy ireo"

### **Romans 11:33**

**Endrey, ny halalin'ny ireo haren'ny fahendrena sy fahalalan'Andriamanitra!**

Eto ny teny hoe "fahendrena" ary "fahalalana" dia mitovy hevitra ihany. DH: "Mahagaga ireo tombotsoa maron'ny fahendren'Andriamanitra sy ny fahalalany!"

**tsy takatry ny saina ireo fitsarany, ary ireo lalany dia tsy hay refesina!**

Tsy afaka ny hahatakatra ireo zavatra izay notapahiny sy hahalala ny fomba ampiasany manoloana antsika tokoa isika"

**Fa iza no nahalala ny fihevitra ny Tompo?**

Mampiasa izany teny izany i Paoly mba ho fanamafisanana ny heviny. Afaka adika ho teny tsotra izany. DH: "Tsy mbola nisy olona nahafantatra ireo fihevitra ny Tompo"

**na iza no tonga ho mpanolo-tsaina Azy?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly ho fanamafisana ny heviny. Afaka adika ho toy ny teny tsotra izany. DH: "Tsy mila olona hanoro-hevitra Azy Izy"

### **Romans 11:35**

**Na iza no nanome zavatra an'Andriamanitra aloha, ka tsy maintsy hanoneran'Andriamanitra azy indray?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly ho fanamafisana ny heviny. DH: "Tsy mbola nisy olona nanome na inona na inona an'Andriamanitra raha tsy nandray izany avy tamin'Andriamanitra aloha" Fa avy Aminy... amin'ny Alalany, ... Aminy Eto, ireo teny rehetra ireo dia maneho an'Andriamanitra.

**Ho Azy mandrakariva ny voninahitra**

Izany dia mampiseho ny fanirian'i Paoly ny hanomezan'ny olona rehetra voninahitra an'Andriamanitra. Afaka hazavainao kokoa izany ao amin'ny fandikan-teninao. DH: "Hanome voninahitra Azy mandrakizay anie ny olona rehetra!"

## Chapter 12

<sup>1</sup> Mangataka anareo aho noho izany, ry rahalahy, noho ireo famindram-pon'Andriamanitra, mba hanolotra ny vatanareo ho sorona velona, masina, eken' Andriamanitra. Izany no fanompoanareo araka ny tokony ho izy. <sup>2</sup> Aza mitovy amin'izao tontolo izao, fa miova amin'ny fanavaozana ny sainareo. Ataovy izao mba ho fantatrareo izany tsara, azo ekena, ary ny sitrapo lafatr'Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa ambarako, nohon'ny fahasoavana izay nomena ahy, ny tsy tokony hananan'ny rehetra izay eo aminareo eritreritra hanambony ny tenany mihoatra izay tokony ho eritreretiny. Fa kosa, tokony hieritreritra am-pahendrena izy ireo, tahaka ny nanomezan' Andriamanitra fatram-pinoana ny tsirairay avy. <sup>4</sup> Fa manana rantsana maro amin'ny vatantsika isika, kanefa tsy mitovy avokoa ny asan'ireo rantsana ireo. <sup>5</sup> Mitovy amin'izany, isika izay maro be dia vatana iray ihany ao amin'i Kristy, ary rantsana manokana amin'ny tsirairay. <sup>6</sup> Manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika araka ny fahasoavana izay nomena antsika. Raha faminiana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, dia aoka atao araka ny haben'ny finoany. <sup>7</sup> Raha fanompoana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, dia aoka izy hanompo. Raha nisy iray nahazo fanomezam-pahasoavana hampianatra, aoka izy hampianatra. <sup>8</sup> Raha fampaherezana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izy hampahery. Raha mahanome no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izy hanao izany amim-pahalalantanana. Raha hitarika no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izany ho vita am-pitandremana. Raha hampiseho fangoraham-po no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izany ho vita am-piravoravoana. <sup>9</sup> Aoka ny fitiavana tsy hisy fihatsaram-belatsihy. Ankahalao ny ratsy; hazony mafy izay tsara. <sup>10</sup> Raha ny momba ny fitiavan'ny mpirahalany, mifankatiava aminareo tsirairay avy. Raha ny momba ny fanomezam-boninahitra, mifanajà. <sup>11</sup> Raha ny momba ny fikirizana, aza misalasala. Raha ny momba ny Fanahy, aoka hafana fo. Momba ny Tompo, tompoy Izy. <sup>12</sup> Mifalia ao amin'ny fahatokiana izay hanananao momba ny ho avy. Mahareta amin'ireo olanao. Mivavaha hatrany. <sup>13</sup> Mifampizara amin'izay ilain'ny mpino. Mitadiava fomba maro hampiantranoanao olona. <sup>14</sup> Misaora ireo izay manenjika anao; misaora ary aza manozona. <sup>15</sup> Miaraha-mifaly amin'ireo izay mifaly; miaraha-mitomany amin'ireo izay mitomany. <sup>16</sup> Mitovia fisainana amin'ny tsirairay. Aza misaina amin'ny fomba mirehareha, fa ekeo ireo olona ambany. Aza mihevitra ny tenanao ho hendry. <sup>17</sup> Aza mamaly ratsy ny ratsy. Manaova zavatra tsara maro eo imason'ny olona rehetra. <sup>18</sup> Raha mety, araka izay azonao atao, mihavana amin'ny olona rehetra. <sup>19</sup> Aza mamaly ratsy ny tenanareo, ry malala, fa omeo lalana ny fahatezerana Andriamanitra. Fa efa voasoratra hoe: "Ahy ny valifaty; Izaho no hamaly," hoy ny Tompo." <sup>20</sup> Fa raha noana ny fahavalonao, omeo sakafo izy. Raha mangetaheta izy, omeo ho sotroina izy. Fa raha manao izany ianao, dia hanangona vain'afo eo amin'ny lohany." <sup>21</sup> Aza mety ho resin'ny ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.

### Romans 12:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Miresaka hoe ahoana ny tokony ho fiainan'ny mpino ary ahoana no tokony hanompoan'ireo mpino i Paoly.

#### Mangataka anareo aho noho izany, ry rahalahy, noho ireo famindram-pon'Andriamanitra

Eto ny teny hoe "rahalahy" dia maneho ireo namana mpino, na lahy na vavy. DH: "Ry namana mpino, noho ny famindram-po lehibe izay nomen'Andriamanitra anareo, dia tena tiako tokoa ianareo mba"

#### mba hanolotra ny vatanareo ho sorona velona

Eto Paoly mampiasa ny teny hoe "vatana" mba hilazana ny maha-olona manontolo. Paoly dia mampitaha ny mpino ao amin'i Kristy izay mankatoka tanteraka an'Andriamanitra amin'ireo biby izay novonoin'ny Jiosy ary avy eo natolony ho an'Andriamanitra. DH: "mba hanolotra ny tenanareo tanteraka ho an'Andriamanitra ho toy ny

sorona maty eo amin'ny tempolin'ny alitara ianareo raha mbola velona ianareo"

#### masina, eken'Andriamanitra

Ireo mety ho dikany dia 1) "sorona izay omenareo an'Andriamanitra irery ihany ary mahafaly Azy" na 2) "eken'Andriamanitra satria izany dia madio"

#### Izany no fanompoanareo araka ny tokony ho izy

"izany no fomba marina hanompoana an'Andriamanitra"

#### Aza mitovy amin'izao tontolo izao

Ireo mety ho dikany dia 1) "Aza mitondra-tena tahaka ny fitondran-tenan'izao tontolo izao" na 2) "Aza misaina araka ny fomba ataon'izao tontolo izao."

#### Aza mitovy

Ireo mety ho dikany dia 1) "Aza avela hiteny aminao izay tokony hatanao na eritreretinao izao tontolo izao" na 2) "Aza avela hanao izay zavatra ataon'izao tontolo izao ny tenanao."

**izao tontolo izao**

Izany dia ilazana ireo tsy mpino izay miaina eto amin'izao tontolo izao.

**fa miova amin'ny fanavaozana ny sainareo**

Afaka adika hoe DH: "fa aoka Andriamanitra hanova ny fomba fisainanao sy ny fitondran-tenanao"

**Romans 12:3****nohon'ny fahasoavana izay nomena ahy**

Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia ilazana ny fifidianan'Andriamanitra an'i Paoly mba ho apostoly sy mpitarika ny fiangonana. Afaka hazavaina izany ao amin'ny fandikan-teninao. Afaka adika ihany koa hoe DH: "satria Andriamanitra nifidy maimaimpoana ahy ho apostoly"

**tsy tokony hananan'ny rehetra eo aminareo eritreritra hanambony ny tenany mihoatra izay tokony ho eritreretiny**

"fa tsy misy olona eo aminareo tokony hievi-tena ho tsara noho ny olona hafa"

**Fa kosa, tokony hieritreritra am-pahendrena izy ireo**

"Fa tokony ho hendry ianareo ny amin'ny fihaveranareo momba ny tenanareo"

**tahaka ny nanomezan' Andriamanitra fatram-pinoana ny tsirairay avy.**

Paoly dia mandroso hevitra eto fa ireo mpino dia manana fahaiza-manao izay mifanaraka amin'ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. DH: "satria nomen'Andriamanitra fahaiza-manao samihafa ny tsirairay aminareo noho ny fatokianareo Azy"

**Romans 12:4****Fa**

Mampiasa izany teny izany i Paoly mba hampisehoana fa hanazava hoe nahoana no tsy tokony hievi-tena ho ambonany noho ny hafa ny Kristiana sasany izy izao.

**manana rantsana maro amin'ny vatantsika isika**

Paoly mampitaha ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy ho toy ny hoe ratsam-batana samihafa eo amin'ny vatan'olombelona. Manao izany hanomezana hanehoana fa na dia manompo an'i Kristy amin'ny fomba samihafa aza ireo mpino, ny olona tsirairay dia an'i Kristy ary manompo amin'ny fomba manan-danja.

**rantsana**

Izany dia toy ny maso, tanana, vavony.

**ry rantsana manokana amin'ny tsirairay**

Resahin'i Paoly ho toy hoe niaraka nampifandraisin'Andriamanitra ara-nofa tahaka ny ratsam-batan'ny olombelona ireo mpino. Afaka adika hoe. DH: "Andriamanitra nampikambana ny mpino tsirairay miaraka amin'ny ireo mpino hafa rehetra"

**Romans 12:6****Manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika araka ny fahasoavana izay nomena antsika**

Resahin'i Paoly toy ny hoe fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ny fahaiza-manaon'ireo mpino. Afaka adika hoe DH: "Andriamanitra nanome fahafahana manao zavatra maro samihafa maimaimpoana ho an'ny tsirairay amintsika mba ho Azy"

**dia aoka atao araka ny haben'ny finoana**

Ireo mety ho dikany dia 1) Aoka Izy hiteny teny faminaniana izay tsy hihoatra finoana izay nomen'Andriamanitra antsika" na 2) "Aoka Izy hiteny teny faminaniana izay mifanaraka amin'ny fampianaran'ny finoantsika."

**Raha fanomezana no fanomezam-pahasoavan'ny iray**

Eto ny "fanomezana" dia ilazana ny fanomezana vola sy zavatra hafa ho an'ny olona. Afaka hazavaina izany ao amin'ny fandikan-teninao. DH: "raha misy iray manana fanomezam-pahasoavana hanome vola na zavatra hafa ho anatin'ny tsy fahampiana"

**Romans 12:9****Aoka ny fitiavana tsy hisy fihatsaram-belatsihy**

Afaka adika hoe: "Tsy maintsy mitia ny olona amin'ny fo marina ianareo"

**fitiavana**

Izany teny izany dia ampisan'i Paoly eto ilazana ny karazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary fifantohana amin'ny tsara ho an'ny hafa, na dia tsy misy tombony ho an'ny olona iray aza.

**Raha ny momba ny fitiavan'ny mpirahalalahy, mifankatiava**

Eto Paoly manomboka ny lisitry ny lohahevitra sivy, izay samy miantomboka amin'ny hoe "raha ny momba ny" mba hilazana amin'ireo mpino hoe tokony ho olona toy ny ahoana izy ireo. Mitohy hatany amin'ny 12:11 io lisitra io.

**Raha ny momba ny fitiavan'ny mpirahalalahy**

"Tahaka ny hitiavanao ireo namana mpino"

**fitiavana**

Izany dia teny iray hafa izay midika fifankatiavan'ny mpirahalalahy na fitiavana ny namana na ao olona ao amin'ny ankohonana. Izany dia fitavan'olombelona voajanahary eo amin'ireo namana na ireo fianakaviana.

**mifankatiava**

Afaka adika hoe DH: "mampisehoa fitiavana"

**Raha ny momba ny fanomezam- boninahitra, mifanajà**

"manomeza voninahitra ary mifanajà" na "manomeza voninahitra ireo namana Kristiana amin'ny fanajana azy ireo"



**Romans 12:11**

**Raha ny momba ny fikirizana, aza misalasala. Raha ny momba ny Fanahy, aoka hafana fo. Momba ny Tompo, tompoy Izy**

"Aza kamo amin'ny raharahahanareo, fa aoka hafana fo amin'ny fanarahana ny Fanahy ary amin'ny fanompoana ny Tompo"

**Mifalia ao amin'ny fahatokiana izay hanananao momba ny ho avy**

Mandroso hevitra eto i Paoly fa ireo mpino dia mahazo matoky fa Andriamanitra dia hanampy azy ireo. DH: "Mifalia satria ianareo dia matoky fa hanampy anareo foana Andriamanitra"

**Mahareta amin'ireo olanao**

"Mahareta na oviana na oviana manana olona ianareo"

**Miantrà ny filàn'ireo mpino**

Ity no lohahevitra farany ao amin'ny lisitra izay niatomboka tao amin'ny 12:9. "Rehefa ao anatin'ny olona ireo namana Kristiana, ampio izy ireny amin'izay ilainy"

**Mitadiava fomba maro hampiantranoanao olona**

"Ampandrosoy ao an-tranonareo hatrany izy ireo rehefa mila toerana mba hitoerana"

**Romans 12:14**

**Mitovia fisainana amin'ny tsirairay**

Io dia fomba fiteny izay midika firaisana ampiraisana. DH: "Mifanaiky" na "miaina ampiraisana"

**Aza misaina amin'ny fomba mirehareha**

"Aza mihevitra fa ianao dia manan-danja mihoatra noho ny hafa"

**fa maneke ny olona manetri-tena**

"raiso ireo olona izay toa tsy dia manan-danja"

**Aza mieritreritra ny tenanao ho manam-pahendrena mihoatra ny hafa**

"Aza mihevitra ny tenanao ho manana fahendrena mihoatra ny hafa"

**Romans 12:17**

**Aza mamaly ratsy ny ratsy**

"Aza manao zavatra ratsy amin'ny olona izay nanao zavatra ratsy taminao"

**Manaova zavatra tsara maro eo imason'ny olona rehetra**

"Ataovy izay zavatra heverin'ny olona ho tsara"

**araka izay azonao atao, mihavana amin'ny olona rehetra.**

"Ataovy izay rehetra azonao atao mba hiainana ampiadanana miaraka amin'ny olona rehetra"

**Romans 12:19**

**omeo lalana ny fahatezerana Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "fahatezerana" dia maneho ny sazin'Andriamanitra. DH: "aoka Andriamanitra no hanasazy azy ireny"

**Fa efa voasoratra hoe**

DH: "Fa araka ny nosoratan'ny olona"

**Ahy ny vali-faty; Izaho no hamaly**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy hevitra ary manamafy fa Andriamanitra dia hamaly faty ny ho an'ny olony. DH: "Azo antoka fa hamaly faty ho anareo tokoa Aho"

**Fa raha noana ny fahavalonao ... eo amin'ny lohany**

Ao amin'ny 12:20 Paoly dia milaza ampahany iray hafa ao amin'ny Soratra Masina. DH: "Fa ny soratra Masina dia milaza ihany koa hoe: raha noana ny fahavalonao ... eo amin'ny lohany"

**omeo sakafo izy**

"omeo hanina izy"

**hanangona vain'afo eo amin'ny lohany**

I Paoly dia miresaka ny amin'ny fitahiana izay ho raisin'ny fahavalo toy ny hoe misy olona mandraraka vain'afo eo amin'ny lohany. Ireo mety ho dikany dia 1) "hahamenatra ny olona izay nanao ratsy taminao noho ny fomba ratsy nitondrany anao" na 2) "manome antony ho an'Andriamanitra hitsarana mafimafy kokoa ny fahavalonao."

**Aza mety ho resin'ny ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.**

Paoly dia mamaritra ny "ratsy" ho toy ny hoe olona. Afaka adika hoe DH: "Aza avela haharesy anao ireo olon-dratsy, fa reseo amin'fanaovana ny tsara ireo olon-tsara"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Aoka fanahy rehetra hankatoa ireo manam-pahefana ambony, fa tsy misy fahefana raha tsy avy amin'Andriamanitra. Ary ireo manam-pahefana misy dia efa voatendrin'Andriamanitra. <sup>2</sup> Noho izany izay manohitra izany fahefana izany dia manohitra ny didin'Andriamanitra; ary ireo izay manohitra izany dia hahazo fitsaràna amin'ny tenan'izy ireo. <sup>3</sup> Satria ireo mpanapaka dia tsy fampitahorana ho an'ireo asa tsara, fa ho an'ireo asa ratsy. Maniry ny tsy hatahotra ny iray ao amin'ny fahefana ve ianareo? Manaova ny tsara, dia ho deraina amin'izany ianao. <sup>4</sup> Fa izy dia mpanompon'Andriamanitra ho anareo amin'ny tsara. Fa raha manao ny ratsy ianareo, dia matahora, satria tsy mitondra ny sabatra tsy amin'ny antony izy. Fa izy dia mpanompon'Andriamanitra, mpamaly ny fahatezerana amin'ilay manao ny ratsy. <sup>5</sup> Noho izany dia tokony hankatoa ianareo, tsy nohon'ny fahatezerana ihany, fa nohon'ny fieritreretana ihany koa. <sup>6</sup> Noho izany dia mandoa hetra ihany koa ianareo. Fa mpanompon'Andriamanitra ireo manam-pahefana, izay miandraikitra izany zavatra izany tsy ankiato. <sup>7</sup> Aloavy amin'ny tsirairay izay tokony ho azy ireo: mandoava hetra amin'izay tokony handoavana azy; mandoava fadin-tseranana amin'izay tokony handoavana azy; matahora an'izay tokony hatahorana; manajà an'izay mendrika izany. <sup>8</sup> Aza manana trosa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavana ihany. Fa izay tia ny manodidina azy dia nahatanteraka ny lalàna: <sup>9</sup> Maro ireo didy: "Aza mangala-badin'olona, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mitsiriritra," ary raha misy didy hafa ankoatra ireo koa, dia voafehy amin'ity fehezanteny ity izany: "Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao." <sup>10</sup> Ny fitiavana dia tsy mandratra ny manodidina; noho izany, ny fitiavana no fahatanterahan'ny lalàna. <sup>11</sup> Noho izany, fantatrarao ny fotoana, fa efa fotoana hifohazanareo amin'ny torimasahady izao. Fa ankehitriny efa manakaiky noho izay ninoantsika tamin'ny voalohany ny fanavotana antsika. <sup>12</sup> Mandroso ny alina, ary manakaiky ny andro. Noho izany andao hariana ireo asan'ny maizina, ary andao isika hitafy ny fiadian'ny fahazavana. <sup>13</sup> Andao hizotra amin'ny lalana mahitsy, tahaka ny amin'ny andro, fa tsy toy ny amin'ireo firavoravoana tsy am-pahamendrehana na koa ny fahamamoana; ary andao tsy handeha amin'ny fahavetavetana na amin'ny filàna tsy voafehy, ary tsy ho amin'ny fifanoherana na fialonana. <sup>14</sup> Fa mitafia an'i Jesosy Kristy Tompo, ary aza manome hirika ho an'ny nofo, mba hanomezana fahafaham-po ny filàna.

### Romans 13:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Milaza amin'ireo ny fomba fiainanaao ambanin'ireo mpanapaka i Paoly.

#### Avelao ny fanahy rehetra hankatoa

Eto ny teny hoe "fanahy" dia teny entina milaza ny maha-olona manontolo. "Ny Kristiana rehetra dia tokony hankatoa" na "Ny olona rehetra dia tokony hankatoa"

#### manam-pahefana ambony

"fanjakana mahefa"

#### fa

"satria"

#### tsy misy fahefana raha tsy avy amin'Andriamanitra

"ny fahefana rehetra dia avy amin'Andriamanitra"

#### Ary ireo manam-pahefana misy dia efa

#### voatendrin'Andriamanitra

Afaka adika hoe DH: "Ary no olona izay ao amin'ny fahefana dia Andriamanitra no nametraka azy ireo teo"

#### izany fahefana izany

"izany fanjakana mahefa izay" na "ny fahefana izay napetrak'Andriamanitra tamin'ny hery"

#### ireo izay manohitra izany dia hahazo fitsaràna amin'ny tenan'izy ireo

Afaka adika hoe DH: "Hitsara ireo izay manohitra ny fanjakana mahefa Andriamanitra"

### Romans 13:3

#### satria

Mampiasa izany teny izany i Paoly mba hanombohana ny fanazavany ny andininy faha 13:1 ary mba hilazana ny amin'ny mety ho vokany raha manameloka ny olona iray ny fanjakana.

#### ireo mpanapaka dia tsy fampitahorana

Ireo mpanapaka dia tsy mampitahotra ny olona tsara.

#### ireo asa tsara ... ireo asa ratsy

Ny olona dia fantatra amin'ireo "asa tsarany" na "asa ratsiny."

#### Maniry ny tsy hatahotra ny iray ao amin'ny fahefana ve ianareo?

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana ny heviny. Afaka adika ho teny tsotra

izany. DH: "Mamelà ahy hilaza aminareo hoe ahoana no tsy hatahoranareo ny fanjakana!"

#### **dia ho deraina amin'izany ianao**

Ny fanjakana dia hilaza ireo zavatra tsara momba ny olona izay manao ny tsara.

**satria tsy mitondra ny sabatra tsy amin' ny antony izy**  
Afaka adika izany hoe DH: "mitondra ny sabany amin'ny antony tena tsara izy" na "manana fahefana hamaizana ny olona, ary hanasazy ny olona izy"

#### **mitondra ny sabatra**

Ireo governora Romana dia nitondra sabatra fohy ho famantarana ny fahefan'izy ireo.

#### **mpamaly ny fahatezerana**

Eto ny teny hoe "fahatezerana" dia maneho ny sazin'ny olona rehefa manao asa ratsy izy ireo. DH: "olona izay manasazy olona ho fanehoana ny fahatezeran'ny fanjakana manoloana ny ratsy"

#### **tsy nohon' ny fahatezerana ihany, fa nohon'ny fieritreretana ihany koa**

"tsy hoe mba hanasazian'ny fanjakana anareo ihany, fa mba hanananao fieritreretana madio eo anatrehan'Andriamanitra ihany koa"

### **Romans 13:6**

#### **Noho izany**

"satria ny fanjakana dia manasazy ireo mpanao ratsy"

#### **ianareo ... Aloavy amin'ny tsiraira**

Paoly dia mitodika amin'ireo mpino eto.

#### **Satria**

"izany no antony tokony andohavanareo ny hetra"

#### **izay miandraikitra**

"mpiandraikitra" na "izay miasa ao"

**mandoava hetra amin'izay tokony handoavana azy; mandoava fadin-tseranana amin'izay tokony handoavana azy; matahora an'izay tokony hatahorana; manaja an'izay mendrika izany.**

DH: "mandoava hetra amin'izay tokony handoavana hetra. mandoava ireo fanaovan-draharaha amin'ny tsara amin'izay tokony handoavana izany. Manaja ireo izay tokony ho hajaina. Omeo voninahitra ireo izay tokony omena voninahitra"

#### **mandoava**

izany dia milaza ireo adidy fanao.

### **Romans 13:8**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Miteny amin'ireo mpino i Paoly ny amin'ny fomba fihetsika manoloana ireo mpiara-belona.

#### **Aza manana trosa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavana ihany**

Afaka adika hoe DH: "Aloavy ny trosanao rehetra amin'ny olona, ary mifankatiava"

#### **troso**

Izany dia mihatra amin'ireo Kristiana Romana rehetra.

#### **afa-tsy ny fifankatiavana ihany**

Izany no hany troso azo tazonina araka izay naseho teo amin'ny fanamariahana teo ambony.

#### **fitiavana**

Izany dia ilazana ireo kazam-pitiavana izay avy amin'Andriamanitra ary mifantoka eo amin'ny fanaovana ny tsara ho an'ny hafa, na dia tsy misy tombony ho an'ny olona iray aza.

#### **aza mitsiriritra**

Faniriana ny hanana na hahazo zavatra izay hananan'ny olon-kafa.

#### **Ny fitiavana dia tsy mandratra ny manodidina**

Io fehezanteny io dia manohatra ny fitiavana amin'ny olona izay tsara fanahy amin'ny olon-kafa. DH: "Ny olona izay tia ny mpiara-belona aminy dia tsy mandratra azy ireo"

### **Romans 13:11**

#### **fantatrarao ny fotoana, fa efa fotoana hifohazanareo amin'ny torimasao sahadys izao**

Miresaka ny amin'ny tokony hiovan'ireo mpino Romana amin'ny toetran'izy ireo toy ny hoe mila ny mifoha amin'ny torimasao i Paoly.

#### **Mandroso ny alina**

Paoly miresaka ny fotoana rehefa nanao asa ratsy ireo olona toy ny alina. DH: "ny fanehoana ny fotoana ny fahotana dia efa ho tapitra"

#### **ary manakaiky ny andro**

Paoly miresaka ny fotoana rehefa nijanona nanao ny asa ratsy ny olona toy ny andro. DH: "Kristy dia hiverina tsy ho ela"

#### **ireo asan'ny maizina**

Ireo asa ratsy izay tian'ny olona atao amin'ny alina, rehefa maizina ary tsy misy mahita azy ireo.

#### **ary andao hitafy ny fiadian'ny fahazavana isika.**

Resahin'i Paoly toy ny hoe olona mitafy fiadiana hiomanana amin'ny ady ny fanaovana ireo zavatra hoenti-manohitra an'i Satana. DH: "tokony ho avelantsika Andriamanitra hiaro antsika amin'ny alalan'ny fanaovana ireo asa izay tiansika ho hitan'ny olona ataontsika"

## Romans 13:13

### Andao

Ataon'i Paoly tafiditra ao amin'izany miaraka aminy ireo mpamaky sy ireo mpino hafa.

### Andao hizotra amin'ny lalana mahitsy, tahaka ny amin'ny andro

Resahin'i Paoly toy ny hoe olona iray izay mandeha amin'ny atoandro ny fiainana amin'ny maha-mpino marina. DH: "Andao andeha amin'ny lalana tazana amin'ny fahafantarana mahitaantsika rehetra ny olona"

**amin'ny fahavetavetana na amin'ny filàna tsy voafehy,**  
Ireo teny ireo dia mitovy hevitra ihany. Afaka atambatrao ao amin'ny fandikan-teninao ireo. DH: "asa vetaveta"

### fifanoherana

Izany dia ilazana ny teti-dratsy na fifandirana amin'ny olona hafa.

### fialonana

Ilazana ny fihetseham-po ratsy manoloana ny fahombiazan'ny hafa na ny tombotsoan'ny hafa izany.

### mitafia an'i Tompo Jesosy Kristy

Resahin'i Paoly toy ny hoe akonjo ivelantsika izay hitan'ny olona ny fanekena ny toetra voajanaharin'i Kristy.

### ary aza mitahiry filàna ho an'ny nofo

Eto ny teny hoe "nofo" dia maneho ny toetran'ireo olona izay hoentin'ny lohan'izy ireo manohitra an'Andriamanitra. Izany no toetra maha-mpanota ny olombelona. DH: "'aza avela hanana irika mihitsy ny fo rastinareo taloha mba hanao zavatra ratsy"

## Chapter 14

<sup>1</sup> Raiso na izay rehetra malemy amin'ny finoana, aza mitsara momba ny tohan-kevitra. <sup>2</sup> Ny olona iray dia manana finoana hihinana na inona na inona, fa ny iray hafa izay malemy dia tsy mihinana afa-tsy legioma. <sup>3</sup> Aoka izay mihinana ny zava-drehetra tsy hanamavo izay tsy mihinana ny rehetra; ary izay tsy mihinana ny zava-drehetra kosa tsy hitsara izay hafa mihinana ny rehetra. Fa Andriamanitra efa nanaiky azy. <sup>4</sup> Iza moa ianao, ianao izay mitsara ny mpanompon'olon-kafa? Eo anatrehan'ny tompony izy no mijoro na mianjera. Fa hatsangana izy, satria ny Tompo dia afaka manangana azy. <sup>5</sup> Ny olona iray dia mihevitra fa misy ny andro tsara nohon'ny rehetra. Ny hafa kosa dia mihevitra fa mitovy ny andro rehetra. Avelao ny tsirairay ho resy lahatra araka ny sainy avy. <sup>6</sup> Izay mandinika ny andro, dia mandinika izany ho an'ny Tompo; ary izay mihinana, dia mihinana ho an'ny Tompo, fa misaotra an'Andriamanitra izy. Izay tsy mihinana, dia mifady hanina ho an'ny Tompo, izy ihany koa dia misaotra an'Andriamanitra. <sup>7</sup> Fa tsy misy miaina ho an'ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an'ny tenany. <sup>8</sup> Fa raha miaina isika, dia miaina ho an'ny Tompo, ary raha maty isika, dia maty ho an'ny Tompo. Araka izany na velona isika na maty, dia an'ny Tompo. <sup>9</sup> Fa ho amin'izany antony izany no nahafatesan'i Kristy ary nahavelomany indray, mba hahatonga Azy ho sady Tompon'ny maty no Tompon'ny velona. <sup>10</sup> Fa ianao, nahoana ianao no mitsara ny rahalahinao? Ary ianao, nahoana ianao no mankahala ny rahalahinao? Fa isika rehetra dia mbola hijoro ho tsaraina eo anatrehan'ny seza fitsaran'Andriamanitra. <sup>11</sup> Fa efa voasoratra hoe: "Raha mbola velona koa Aho," hoy ny Tompo, "dia hiforitra eo anatrehako ny lohalika rehetra, ary ny lela rehetra dia hidera an'Andriamanitra." <sup>12</sup> Noho izany ary, isika tsirairay avy dia hanao tatitra ny tenany eo amin'Andriamanitra. <sup>13</sup> Ka, aoka isika tsy hifampitsara intsony, fa kosa hanapaka izao, mba tsy hisy hametraka vato mahatafintohina na fandrika ho an'ny rahalahiny. <sup>14</sup> Mahafantatra aho ary resy lahatra ao amin'ny Tompo Jesosy, fa tsy misy tsy madio amin'ny tenany. Fa ho an'izay mandray na inona na inona ho tsy madio ihany, dia tsy madio izany ho azy. <sup>15</sup> Satria raha malahelo nohon'ny amin'ny sakafo ny rahalahinao, dia tsy mandeha am-pitiavana intsony ianao. Aza simbaina nohon'ny amin'ny sakafonareo ireo izay namoizan'i Kristy ny ainy. <sup>16</sup> Koa aza mamela izay heverinareo ho tsara ho aratsiana. <sup>17</sup> Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy momba ny sakafo sy rano fisotro, fa momba ny fahamarinana, fiadanana, ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina. <sup>18</sup> Fa izay manompo an'i Kristy araka izany dia ankasitrahana'Andriamanitra sy eken'ny olona. <sup>19</sup> Noho izany, aoka isika hanohy ireo zavatra ny fiadanana sy ireo zavatra izay manefy ny tsirairay avy. <sup>20</sup> Aza simbaina nohon'ny amin'ny sakafo ny asan'Andriamanitra. Madio tokoa ny zavatra rehetra, fa ratsy ho an'ny olona izay mihinana azy ary mahatonga azy ho tafintohina. <sup>21</sup> Tsara ny tsy mihinana-kena, na misotro divay, na ny zavatra rehetra izay mety hanafintohina ny rahalahinao. <sup>22</sup> Ny finoana anananao, tehirizo ao aminao sy Andriamanitra. Sambatra izay tsy manameloka ny tenany amin'izay ekeny. <sup>23</sup> Izay misalasala dia meloka raha mihinana, satria tsy tamin'ny finoana izany. Ary na inona na inona tsy avy amin'ny finoana dia fahotana.

### Romans 14:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampahery ireo mpino i Paoly mba hahatsiaro fa valian'Andriamanitra izy ireo.

#### malemy amin'ny finoana

Ilazana ireo izay mahatsapa ho meloka noho'ny fihinanana na fisotrona zavatra izany.

#### aza mitsara momba ny tohan-kevitra

"ary aza manameloka azy ireo amin'ny heviny"

#### Ny olona iray dia manana finoana hihinana na inona na inona

Eto ny teny hoe "finoana" dia ilazana ny fanaovana izay hinoan'ny olona iray fa asain'Andriamanitra ataony.

#### fa ny iray hafa izay malemy dia tsy mihinana afa-tsy legioma

Izany dia mamaritra ny olona iray izay mino fa tsy tian'Andriamanitra hihinana-kena izy.

### Romans 14:3

#### iza moa ianao, ianao izay mitsara ny mpanompon'olon-kafa?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hibedesana ireo izay mitsara ny hafa. Afaka adika ho teny tsotra izany. DH: "Tsy Andriamanitra ianao, ary tsy afaka ny hitsara ny iray amin'ireo mpanompony!"

#### Eo anatrehan'ny tompony izy no mijoro na mianjera

Resahin'i Paoly ho toy ny tompo izy izay manana mpanompo Andriamanitra. DH: "Ny tompo irery ihany no afaka manapaka raha hanaiky ilay mpanompo izy na tsia"

**Fa hatsangana izy, satria ny Tompo dia afaka manangana azy**

Resahin'i Paoly ho toy ny hoe "natao hitsangana" fa tsy ho lavo ny mpanompo izay neken'Andriamanitra. Afaka adika hoe DH: "Fa ny Tompo hanaiky azy satria afaka manao ny mpanompony ho azo ekena"

### Romans 14:5

**Ny olona iray dia mihevitra fa misy ny andro tsara nohon'ny rehetra. Ny hafa kosa dia mihevitra fa mitovy ny andro rehetra**

"Misy olona iray mieritreritra fa ny andro iray dia tena manan-danja kokoa noho ny hafa rehetra, fa ny olona sasany kosa mieritreritra fa ny andro rehetra dia mitovy avokoa"

**Avelao ny tsirairay ho resy lahatra araka ny sainy avy manokana**

Afaka hazavainao ny hevitra fenon'izany. Afaka adika hoe DH: "Aoka ny olona tsirairay hahazo antoka fa ho fanomezam-boninahitra ny Tompo izay ataony"

**Izay mandinika ny andro, dia mandinika izany ho an'ny Tompo**

Eto ny teny hoe "mandinika" dia ilazana ny fivavahana. DH: "Ny olona izay mivavaka amin'ny andro iray dia manao izany ho fanomezam-boninahitra ny Tompo"

**ary izay mihinana, dia mihinana ho an'ny Tompo**

DH: "Ny olona izay mihinana ny karazan-tsakafo rehetra dia manao izany ho fanomezam-boninahitra ny Tompo"

**Izay tsy mihinana, dia mifady hanina ho an'ny Tompo**

DH: "Ny olona izay tsy mihinana ny karazan-tsakafo sasany dia manao izany ho fanomezam-boninahitra ny Tompo"

### Romans 14:7

**Fa tsy misy miaina ho an'ny tenany isika**

Eto ny teny hoe "miaina ho an'ny tenany" dia midika hoe miaina mba hampifaly ny tena ihany. DH: "Tsy misy amintsika no tokony hiaina mba hampifaly ny tenantsika fotsiny ihany"

**tsy misy maty ho an'ny tenany**

Izany dia midika fa ny fahafatesan'ny iray dia miantraika amin'ny olona hafa. DH: "Tsy misy amintsika no tokony hieritreritra fa rehefa maty isika, dia amintsika irery no hiantraika izany"

**isika .. isika**

Ampidirin'i Paoly ao anatin'izany ireo mpamaky.

**ny maty ary ny velona**

"ireo izay maty ary ireo izay velona"

### Romans 14:10

**Fa ianao, nahoana ianao no mitsara ny rahalahinao? Ary ianao, nahoana ianao no mankahala ny rahalahinao?**

Amin'ny fampiasana izany fanontaniana izany, Paoly dia manasongadina ny amin'ny mety hibedesany ny mpamakiny tsirairay. DH: "fahadisoana aminao ny mitsara ny rahalahinao, ary fahadisoana aminao ny manao tsinontsinona ny rahalahinao!" na "atsaharo ny fitsarana sy ny fanaovana tsinontsinona ny rahalahinao!"

**rahalahy**

Izany dia ilzana ireo Kristiana namana, na lahy na vavy.

**Fa isika rehetra dia mbola hijoro ho tsaraina eo anatrehan'ny seza fitsarana'Andriamanitra**

Ny "seza fitsarana" dia maneho ny fahefan'Andriamanitra hitsara. DH: "Fa Andriamanitra dia hitsara antsika rehetra"

**Fa efa voasoratra hoe**

Afaka adika hoe DH: "Fa nisy nanoratra tao amin'ny Soratra Masina"

**Raha mbola velona koa Aho**

Nampiasaina ireo teny ireo mba hanombohana fianianana na voady. DH: "Afaka mahazo antoka ianao fa marina izany"

**dia hiforitra eo anatrehako ny lohalika rehetra, ary ny lela rehetra dia hidera an'Andriamanitra**

Mampiasa ny teny hoe "lohalika" sy "lela" i Paoly mba hilazana ny maha-olona manontolo. Ary koa, ny Tompo dia mampiasa ny teny hoe "Andriamanitra" mba hilazana ny tenany. DH: "Ny olona rehetra dia hiakohoka sy hanome fiderana ho Ahy"

### Romans 14:12

**hanao tatitra ny tenany eo amin'Andriamanitra**

"tsy maintsy hanazava ireo asantsika eo amin'Andriamanitra"

**fa kosa hanapaka izao, mba tsy hisy hametraka vato mahatafintohina na fandrika ho an'ny rahalahiny.**

Eto ny teny "vato mahatafintohina" sy "fandrika" dia mitovy hevitra. DH: "fa ataovy ho tanjonao kosa ny tsy hanao na hilaza zavatra izay mety hahatonga ny namana Kristiana iray hanota"

**rahalahy**

Eto izany dia entina ilazana ireo namana Kristiana, na lahy na vavy.

### Romans 14:14

**Mahafantatra aho ary resy lahatra ao amin'ny Tompo Jesosy**

Eto ny teny hoe "mahafantatra" sy "resy lahatra" dia mitovy hevitra ihany; ampiasain'i Paoly ireo mba hanindriana ny fahazoany antoka. DH: "Azoko

antoka noho ny fifandraisako amin'ny Tompo Jesosy"

**tsy misy tsy madio amin'ny tenany**

Afaka adika hoe DH: "madio amin'ny tenany avokoa ny zava-drehetra"

**amin'ny tenany**

"araka ny toetrany" na "nohon'ny maha-izy azy"

**Fa ho an'izay mandray na inona na inona ho tsy madio ihany, dia tsy madio izany ho azy**

Mandroso hevitra i Paoly eto fa ny olona dia tokony hiala lavitra an'ireo zavatra izay eritreretiny ho tsy madio. Afaka hazavainao ao amin'ny fandikan-teninao izany. DH: "Fa raha misy olona mihevitra ny zavatra iray ho tsy madio, dia tsy madio ho an'ilay olona izany ary tokony hiala lavitra izany izy"

**Satria raha malahelo noho ny amin'ny sakafo ny rahalahinao**

"fa raha manimba ny finoan'ny Kristiana namanao nohon'ny resaka hanina ianao." Eto ny ny mpisolo tena tampisaka "-nao" dia maneho ireo izay mahery amin'ny finoana ary ny teny "rahalahy" dia maneho ireo izay malemy amin'ny finoana.

**rahalahy**

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, na lahy na vavy.

**tsy mandeha am-pitiavana intsony ianao**

Resahin'i Paoly toy ny hoe fandehanana ny toetran'ireo mpino. DH: "Ary tsy mampiseho fitiavana intsony ianao"

**Romans 14:16**

**aza mamela izay heverinareo ho tsara ho aratsiana**

"Aza manao zavatra, na dia heveriano ho tsara aza, raha ho lazain'ny olona fa ratsy izy ireny"

**fihetsikao tsara**

Ilazana ireo asan'ny olona manana finoana matanjaka izany.

**olona**

Ireo mety ho dikany dia 1) ireo mpino hafa na 2) ireo tsy Kristiana.

**Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy momban'ny sakafo sy rano fisotro, fa momban'ny fahamarinana, fiadanana, ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina.**

Manohana ny heviny i Paoly fa Andriamanitra dia mametraka ny fanjakany mba hahafahany manome antsika ny fifandraisana marina amin'ny tenany, ary manome fiadanana sy fifaliana. DH: "Fa Andriamanitra tsy nametraka ny fanjakany mba hahafahany manapaka amin'izay zavatra hohanintsika ary sotointsika. Izy mametraka ny fanjakany mba hafahantsika manana fifandraisana marina miaraka Aminy, ary hahafahany manome fiadanana sy fifaliana antsika"

**Romans 14:18**

**eken'ny olona**

Afaka adika hoe DH: "ny olona dia hanaiky Azy" na "ny olona dia hanaja Azy"

**oka isika hanohy ireo zavatra ny fiadanana sy ireo zavatra izay manefy ny tsirairay avy**

Eto ny teny hoe "manefy ny tsirairay" dia ilazana ny fifanampian'ny tsirairay amin'ny fampitomboana ny finoana. DH: "Aoka isika hitady ny fiainana ampiadanana ary hifanampy amin'ny fampaherezana hatrany ny finoana"

**Romans 14:20**

**Aza simbaina nohon' ny amin'ny sakafo ny asan'Andriamanitra**

Afaka azavaina araka ny heviny feno izany. DH: "Aza foanana izay nataon'Andriamanitra ho an'ireo namana Kristiana satria te hihinana sakafo na karazana sakafo hafa fotsiny ianareo"

**fa ratsy ho an'ny olona izay mihinana azy ary mahatonga azy ho tafintohina**

Eto izay rehetra "mahatonga azy ho tafintohina" dia midika hoe mahatonga ny rahalahy malemy hanao zavatra izay mifanohitra amin'ny eritreriny. DH: "fa ho fahotana ho an'ny olona iray ny fihinanana sakafo, izay heverin'ny rahalahy hafa ho fahadisoana, raha amin'ny fihinanana izany no mahatonga ny rahalahy malemy hanao zavatra mifanohitra amin'ny feon'ny fieritreretany"

**Tsara ny tsy mihinan-kena, na misotro divay, na ny zavatra rehetra izay mety hanafintohina ny rahalahinao**  
"tsara kokoa ny tsy mihinan-kena na misotro divay na manao zavatra hafa izay mety hahatonga ny rahalahinao hanota"

**rahalahy**

izany dia ilazana ireo namana Kristiana, na lahy na vavy.

**Romans 14:22**

**Ireo finoana manokana izay anananao**

Izany dia ilazana ireo finoana momba ny sakafo sy zava-pisotro ihany.

**anao ... ny tenany**

Satria miresaka amin'ireo mpino i Paoly, dia mety mila adikanao amin'ny teny fanondroana olona maro io.

**Sambatra izay tsy manameloka ny tenany amin'ny fanajany izay ekeny**

Sambatra ireo izay tsy mahatsapa ho meloka noho izay notapahiny ho atao"

**izay misalasala dia meloka raha mihinana**

Afaka adika hoe DH: "hilaza Andriamanitra fa manao fahadisoana ny olona iray raha tsy azony"

antoka raha mety ny mihinana ny sakafo sasany, kanefa mihinana izany ihany izy" na "Ny olona izay tsy mahazo antoka raha mety ny mihinana ny sakafo sasany, kanefa mihinana izany ihany avy eo dia hananana olona amin'ny fieritreretany"

**satria tsy tamin'ny finoana izany**

Ny zava-drehetra izay "tsy tamin'ny finoana" dia zavatra tsy tian'Andriamanitra ataonao. Afaka hazavainao ny hevitra fenon'izany. DH: "hilaza

Andriamanitra fa diso izy satria nihinana zavatra izay ninoany fa tsy tian'Andriamanitra hohaniny"

**na inona na inona tsy avy amin'ny finoana dia fahotana**  
Ny zava-drehetra izay "tsy avy amin'ny finoana" dia zavatra tsy tian'Andriamanitra ataonao. Afaka hazavainao ny hevitra fenon'izany. DH: "manota ianao raha manao zavatra izay tsy inoanao fa tian'Andriamanitra ataonao"



## Chapter 15

<sup>1</sup> Ary isika izay matanjaka dia tokony handefitra ny fahalemen'ny malemy, ary tsy tokony hanao izay mahafinaritra ny tenantsika. <sup>2</sup> Aoka ny tsirairay avy amintsika hanao izay mahafaly ny mpiara-belona aminy fa izany no tsara, mba hanandratana azy. <sup>3</sup> Fa na Kristy aza tsy nanao izay nahafinaritra ny tenany. Fa kosa, izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Ny faniratsiran'ireo izay maniratsira anao dia nianjera tamiko." <sup>4</sup> Fa na inona na inona voasoratra teo aloha dia voasoratra ho fampianarana antsika, mba amin'ny alalan'ny faharetana sy amin'ny alalan'ny fampaherezana ny Soratra Masina no hananantsika toky. <sup>5</sup> Ary ny Andriamanitry ny faharetana sy fampaherezana anie hanome fisainana mitovy ho an'ny tsirairay avy araka an'i Kristy Jesosy. <sup>6</sup> Izy anie anao izany mba ho amin'ny fisainana iray sy amin'ny vava iray ihany no hideranareo an'Andriamanitra sy Rain'i Tompontosika Jesosy Kristy. <sup>7</sup> Noho izany mifandraisa, tahaka ny nandraisan'i Kristy anareo ihany koa aza, ho fiderana an'Andriamanitra. <sup>8</sup> Fa lazaiko fa Kristy dia efa tonga mpanompon'ny voafora ho an'ny fahamarinan'Andriamanitra, mba hahafahana manamarina ireo fampianantenana izay nomena ireo ray, <sup>9</sup> ary ho an'ireo Jentilisa mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra nohon'ny famindram-pony. Izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Noho izany dia hanome fiderana Anao eo amin'ireo Jentilisa Aho ary hihira fiderana ny anaranao." <sup>10</sup> Mbola voalaza hatrany hoe: "Miravoravao, miaraka amin'ny vahoakany, ry Jentilisa." <sup>11</sup> Ary koa hoe: "Derao ny Tompo, ry Jentilisa rehetra; avelao ny olona rehetra hidera Azy." <sup>12</sup> Hoy indray, Isaia hoe: "Hisy fakan'ny Jese, ary ilay iray izay hitsangana hanapaka eo amin'ny Jentilisa. Hanana fahatokiana aminy ireo Jentilisa." <sup>13</sup> Ary ny Andriamanitry ny fahatokisana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy fiadanana rehetra amin'ny finoana, mba ho feno fahatokisana ianareo, avy amin'ny herin'ny Fanahy Masina. <sup>14</sup> Ny tenako izao ihany koa dia resy lahatra ny momba anareo, ry rahalahy. Resy lahatra aho fa ianareo ihany koa dia feno fahatsarana, feno ny fahalalana rehetra. Resy lahatra aho fa ianareo ihany koa dia afaka mifananatra. <sup>15</sup> Fa manoratra am-pahasahiana aminareo aho momba ireo zavatra sasany mba hampatsiahivana anareo indray, nohon'ny fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra ahy. <sup>16</sup> Izany fanomezam-pahasoavana izany dia ny tokony mba hanompoako an'i Kristy Jesosy nalefa tany Jentilisa, mba hanolotra tahaka ny sorona ny filazantsaran'Andriamanitra. Tokony hataoko izany mba ho azo ekena ny fanatitr' ireo Jentilisa, voatoka ny Fanahy Masina. <sup>17</sup> Noho izany ny hafaliako dia ao amin'i Kristy Jesosy sy ireo zavatr'Andriamanitra. <sup>18</sup> Fa tsy ho sahy hiresaka na inona na inona afa-tsy ireo zavatra vitan'i Kristy tamin'ny alalako ho an'ny fankatoavan'ireo Jentilisa aho. Ireo zavatra ireo dia vita tamin'ny teny sy asa, <sup>19</sup> tamin'ny herin'ireo famantarana sy fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina. Izany dia mba avy any Jerosalema, sy lavidavitra tahaka an'Ilyrikioma, no hahafahako manataneraka ny filazantsaran'i Kristy. <sup>20</sup> Amin'izany, ny faniriako dia ny hitory ny filazantsara, fa tsy any amin'izay ahafantarana an'i Kristy amin'ny anarana, mba tsy hanorenako eo amin'izay efa nanorenan'ny hafa. <sup>21</sup> Izany dia araka ny voasoratra hoe: "Tamin'ireo izay tsy nilazana Azy no hahita Azy, ary ireo izay tsy nandre no hahazo." <sup>22</sup> Noho izany ihany koa dia voasakana matetika tsy ho any aminareo aho. <sup>23</sup> Fa ankehitriny, tsy manana toerana amin'ireo faritra ireo intsony Aho, ary taona maro no efa naniriako mafy ho any aminareo. <sup>24</sup> Noho izany na oviana na oviana andehanako any Espana, dia manantena aho ny hahita anareo rehefa mandalo, ary haterinareo any amin'ny alehako, rehefa avy mankafy ny fiarahanareo vetivety Aho. <sup>25</sup> Fa ankehitriny ho any Jerosalema Aho hanompo ireo mpino. <sup>26</sup> Fa fifalian'i Makedonia sy Akaia ny hanao fandraisan'anjara ho an'ireo mahantra isan'ireo mpino izay any Jerosalema. <sup>27</sup> Eny, fifaliana ho azy ireo izany, ary, mpitrosa aminy tokoa izy ireo. Fa raha ny Jentilisa no nizara tamin'ny zavatra masin'izy ireo, dia tokony hanompo azy ireo ihany koa izy ireo amin'ireo zavatra ara-materialy. <sup>28</sup> Noho izany, rehefa notanterahako izao asa izao ary nanamafy fa voarain'izy ireo ny vokatra izay nangonina, dia ho any Espaina aho ary hitsidika anareo amin'ny lalako. <sup>29</sup> Fantatro fa rehefa mankany aminareo aho dia hiditra amin'ny fahafenoan'ny fitahian'i Kristy. <sup>30</sup> Ankehitriny mamporisika anareo aho, ry rahalahy, amin'ny Jesosy Kristy Tompontosika, sy amin'ny fitiavan'ny Fanahy, mba hiaraka hiady amiko ianareo amin'ny vavaka ataonareo amin'Andriamanitra ho ahy. <sup>31</sup> Mivavaha mba ho avotra amin'ireo izay tsy mankatoa any Jodia aho, ary mba ho eken'ireo mpino ny fanompoako ho an'i Jerosalema. <sup>32</sup> Mivavaha mba hiaviako aminareo amin-kafaliana amin'ny sitrapon'Andriamanitra, ary mba hahafahako, mahita fitsaharana, miaraka aminareo. <sup>33</sup> Andriamanitry ny fiadanana anie homba anareo rehetra. Amena.

**Romans 15:1****Fampifandraisana foto-kevitra:**

Mamarana ny fizarana momba ny fiainan'ireo mpino ho an'ny hafa amin'ny fampatsiahivana azy ireo ny fomba niainan'i Kristy i Paoly.

**Ary**

Adikao amin'ny fampiasana teny ampisain'ny fiteninao hampidirana hevitra vaovao ao amin'ny famakafakana io.

**isika izay mafy**

Eto ny teny hoe "mafy" dia milaza ireo olona izay matanjaka amin'ny finoan'izy ireo. Izy ireo dia mino mamela azy ireo hihinana ny karazana sakafo rehetra Andriamanitra. DH: "isika izay matanjaka amin'ny finoana"

**isika**

Izany dia manondro an'i Paoly, ireo mpamaky, ary ireo mpino hafa.

**malemy**

Eto ny teny hoe "malemy" dia ilazana ireo olona izay malemy amin'ny finoany. Izy ireo dia mino fa tsy mamela azy ireo hihinana ireo karazana sakafo sasany Andriamanitra. DH: "ireo izay malemy amin'ny finoana"

**hanandratana azy**

Ny tian'i Paoly ho lazaina amin'izany, dia fampaherezana ny finoan'ny olona. DH: "hampahery ny finoany"

**Romans 15:3****izany dia araky ny efa voasoratra**

Eto Paoly milaza ny soratra masina eo izay firesahan'i Kristy (Mesia) an'Andriamanitra. Afaka adika hoe. DH: "ny Mesia nilaza an'Andriamanitra tao amin'ny soratra masina"

**Ny faniratsiran'ireo izay maniratsira anao dia mianjera amiko**

Eto i Paoly dia manambara ny tenin'ny Soratra Masina iray izay iresahan'i Kristy (ilay Maesia) amin'Andriamanitra. DH: "Ny faniratsiran'ireo izay maniratsira an'Andriamanitra dia nianjera teo amin'ny Kristy."

**Fa na inona na inona voasoratra teo aloha dia voasoratra ho fampianarana antsika**

Afaka adika hoe DH: "Tamin'ny andro taloha, dia nanoratra ireo zava-drehetra ao amin'ny Soratra masina mba hampianarana antsika ireo mpaminany" "isika": Ampidirin'i Paoly ao anatin'izany ireo mpamaky sy ireo mpino hafa.

**mba amin'ny alalan'ny faharetana sy amin'ny alalan'ny fampaherezan' ny Soratra Masina no hananantsika toky.**  
Eto ny teny hoe "hananantsika toky" dia midika fa ireo mpino dia hahalala fa Andriamanitra dia

mahatoky amin'ny fampanantenany. Afaka hazavaina feno amin'ny fandikan-teninao izany. DH: "amin'izany dia hampahery antsika ny soratra masina mba hanantena fa Andriamanitra dia hanao ireo zava-drehetra izay nampanantenainy ho antsika"

**Romans 15:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampahery ireo mpino i Paoly mba hahatsiaro fa ireo mpino Jentilisa sy ireo Jiosy izay mino dia natao ho iray ao amin'i Kristy.

**anie ... Andriamanitra ... hanome**

"Mivavaka aho mba ... Andriamanitra ... hanome"

**fisainana mitovy ho an'ny tsirairay avy**

Eto ny hoe "fisainana mitovy" dia midika fifanekena amin'ny tsirairay avy. DH: "mifanaraka amin'ny tsirairay avy" na "miray"

**amin'ny vava iray ihany no hiderana**

Izany dia midika hoe miray amin'ny fiderana an'Andriamanitra. DH: "miaraha midera an'Andriamanitra amin'ny firaisana ho toy hoe vava iray ihany no miteny"

**mifandraisa ianareo**

"mifaneke ianareo"

**Romans 15:8****Fa lazaiko**

Manondro an'i Paoly io.

**Kristy dia efa tonga mpanompon'ny voafora**

Eto ny teny hoe "voafora" dia teny ilazana ireo Jiosy. Afaka adika hoe DH: "Jesosy Kristy dia tonga hanampy ireo Jiosy"

**mba hahafahana manamarina ireo fampanantenana izay nomena ireo ray**

Eto ny teny hoe "ireo ray" dia ilazana ireo razan'ny vahoaka Jiosy. Afaka adika hoe DH: "fa mba hanamarinan'Andriamanitra ireo fampanantenana izay nomeny ny razan'ny Jiosy"

**ary ho an'ireo Jentilisa**

DH: "ary tonga i Kristy mba hanampy ireo Jentilisa"

**araka ny efa voasoratra**

Afaka adika hoe DH: "araka ny efa nosoratan'ny olona iray tao amin'ny Soratra Masina"

**ary hihira fiderana ny anaranao**

Eto ny teny hoe "ny anaranao" dia ilazana an'Andriamanitra. DH: "ary hihira fiderana ho Anao"

**Romans 15:10****Mbola voalaza hatrany hoe**

"Ary voalazan'ny soratra masina indray hoe"

**miaraka amin'ny vahoakany**

Manondro ny vahoakan'Andriamanitra io. Afaka hazavainao kokoa izany ao amin'ny fandikan-teninao. DH: "miaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra"

**hidera Azy**

"hidera ny Tompo"

**Romans 15:12****fakan'ny Jese**

Jese dia ray ara-nofon'i Davida mpanjaka. DH: "taranak'i Jese"

**Hanana fahatokisana aminy ireo Jentilisa**

Eto ny teny hoe "amin'ny" dia manondro ireo tarank'i Jese, dia ny Mesia. Hitoky aminy ihany koa ireo tsy Jiosy mba hananatanterahany ireo fampanantenany. DH: "Ireo olona izay tsy Jiosy dia afaka mahatoky Azy mba hanao izay nampanantenainy"

**Romans 15:13****Andriamanitry ny fahatokisana**

Eto ny teny hoe "fahatokisana" dia ilazana ny fahafahan'ny olona iray hatoky an'Andriamanitra mba hanao izay zavatra nampanantenainy ho atao. DH: "Andriamanitra, izay atokisanareo hanantanteraka ireo fampanantenany"

**hameno anareo ny fifaliana sy fiadanana**

Paoly eto dia manao filaza masaka mba hanasongadinana ny heviny. DH: "hameno anareo amin'ny fifaliana lehibe sy fiadanana"

**mba ahafahanareo ho feno fahatokisana**

"mba hatoky tanteraka ianareo"

**Romans 15:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy ireo mpino ao Roma i Paoly fa Andriamanitra dia nifidy azy mba hanatratra ireo Jentilisa.

**Ny tenako izao ihany koa dia resy lahatra ny momba anareo, ry rahalahy**

Azon'i Paoly antoka tokoa fa ireo mpino ao Roma dia mifanome voninahitra amin'ny fomba fihetsiny. DH: "Ny tenako dia mahazo antoka tanteraka fa ny ianareo dia nanao fihetsika nanoloana ny hafa tamin'ny fomba tena tsara"

**ry rahalahy**

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, ao anatin'izany na lahy na vavy.

**feno ny fahalalana rehetra**

Paoly eto mampiasa filaza masaka mba hanasongadinana ny heviny. DH: "Feno ny fahalalana ampy mba hanarahana an'Andriamanitra"

**Resy lahatra aho fa ianareo ihany koa dia afaka mifananatra.**

Eto ny teny hoe "mifananatra" dia midika hoe mampianatra. DH: "ary afaka mifampianatra"

**Romans 15:15****fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra ahy**

Izany fanomezam-pahasoavana izany dia ny fanendrena an'i Paoly ho apostoly na dia teo aza ny fanenjehany ireo mpino talohan'ny fiovam-pony. Resahin'i Paoly toy ny hoe fanomezana izay natolotr'Andriamanitra azy ny fifidianana azy hoe apostoly. DH: "ny fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra ahy"

**mba ho azo ekena ny fanatitr' ireo Jentilisa,**

Resahin'i Paoly ho toy ny mpisorona, izay manao fanatitra an'Andriamanitra, ny fitoriany ny filazantsara. DH: "mba hampifaly an'Andriamanitra ireo Jentilisa rehefa mankatoka Azy"

**Romans 15:17****Noho izany ny hafaliako dia ao amin'i Kristy Jesosy sy ireo zavatr'Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "ireo zavatr'Andriamanitra" dia mety ilazana ireo asa izay nosafidian'Andriamanitra ho ataon'i Paoly. DH: "Noho izany dia manana antony hifaliana ao amin'i Kristy Jesosy sy ao amin'ny asa izay nomen'Andriamanitra ho ataoko aho"

**Fa tsy ho sahy hiresaka na inona na inona ... Ireo zavatra ireo dia vita tamin'ny teny sy asa, tamin'ny herin'ireo famantarana sy fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina**

Eto ny teny hoe "ireo zavatra ireo" dia ilazana ireo zavatra izay tanterak'i Kristy tamin'ny alalan'i Paoly. DH: "Noho ny fankatoavan'ny Jentilisa, dia hiresaka momba ireo zavatra tanterak'i Kristy tamin'ny alalako tao amin'ny teniko sy ny asako ary tamin'ny alalan'ireo herin'ny famantarana sy fahagagana tamin'ny herin'ny Fanahy Masina aho"

**famantarana sy fahagagana**

Ireo teny ireo dia mitovitovy hevitra ary entina ilazana ireo karazana fahagagana maro samihafa.

**avy any Jerosalema, sy lavidavitra tahaka an'Ilyrikioma**

Avy any amin'ny tanànan'i Jerosalema any amin'ny faritanin'i Ilyrikioma, faritra akaikin'ny Italia izany.

**Romans 15:20****Amin'izany, ny faniriako dia ny hitory ny filazantsara, fa tsy any amin'izay ahafantarana an'i Kristy amin'ny anarana**

Te hitory amin'ny olona izay mbola tsy nahare an'i Kristy mihitsy i Paoly. DH: "Noho izany, te hitory ny vaovao mahafaly eo amin'ny toerana izay mbola tsy naharenesan'ny olona an'i Kristy mihitsy aho"

**mba tsy hanorenako eo amin'izay efa nanorenan'ny hafa**  
Miresaka ny asa fanompoany ho toy ny mangana trano eo amin'ny fototra i Paoly. DH: "mba tsy hanohizako ny asa izay efa asa natomboky ny hafa fotsiny. Tsy tiako ny ho tahaka ny olona izay manangana trano eo ambonin'ny fototra nataon'olon-kafa"

#### **Izany dia araka ny voasoratra hoe**

Eto Paoly dia milaza izay nosoratan'Isaia ao amin'ny soratra masina. Afaka atao mazava kokoa izany ao amin'ny fandikan-teninao. DH: "Ny zavatra mitranga dia mitovy amin'izay nosoratan'i Isaia tao amin'ny soratra masina"

#### **Tamin'ireo izay tsy nilazana Azy no hahita Azy**

Eto Paoly dia miresaka ny amin'ny hafatra momba an'i Kristy ho toy ny velona ary afaka mihetsika amin'ny tenany ihany. DH: "Ireo izay mbola tsy nisy niresaka ny vaovao momba Azy"

### **Romans 15:22**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Miteny amin'ireo mpino ao Roma momba ny fikasany manokana hamangy azy ireo i Paoly ary mangataka ireo mpino mba hivavaka.

#### **Noho izany ihany koa dia voasakana**

Afaka adika hoe DH: "nankana ahy ihany koa izy ireoa" na " nisakana ahy ihany koa ny olona"

**tsy manana toerana amin'ireo faritra ireo intsony Aho**  
Mandroso hevitra i Paoly eto fa tsy misy toerana intsony ao amin'ireo faritra izay honenan'ny olona izay tsy nahare ny momba an'i Kristy. DH: "tsy misy toerana intsony ao amin'ireo faritra izay tsy naharenan'ny olona momba an'i Kristy"

### **Romans 15:24**

#### **Espaina**

Izany dia faritra ao Roma andrefana izay nirian'i Paoly ho tsidihana.

#### **rehefa mandalo**

"rehefa mandalo ao Roma aho" na "rehefa an-dalana aho"

#### **haterinareo any amin'ny alehako**

Eto Paoly dia milaza hevitra ambadika fa tiany ireo mpino Romana mba hanome fanampiana ara-bola ho azy amin'ny diany ho any Espaina. DH: "mba hanampianareo ahy amin'ny diako"

#### **mankafy ny fiarahanareo**

"mankafy handany fotoana kely miaraka aminareo" na "faly namangy anareo"

### **Romans 15:26**

#### **fifalian'i Makedonia sy Akaia**

Eto ny teny hoe "Makedonia" sy "Akaia" dia ilazana ireo olona izay monina ao amin'ireo tanana ireo.

DH: "ireo mpino ao amin'ny faritra any Makedonia sy Akaia dia faly"

#### **Eny, fifaliana ho azy ireo izany**

"Ireo mpino any Makedonia sy Akaia dia faly nanao izany"

#### **mpitrosa aminy tokoa izy ireo**

"ireo olona ao Makedonia sy Akaia dia mpitrosa amin'ireo mpino ao Jerosalema tokoa"

#### **Fa raha ny Jentilisa no nizara tamin'ny zavatra masin'izy ireo, dia tokony hanompo azy ireo ihany koa izy ireo amin'ireo**

"satria mizara ireo zavatra ara-panahy amin'ireo mpino Jiosy ny Jentilisa, dia ananan'ireo mpino ao Jerosalema troa fanompoana ny Jentilisa"

### **Romans 15:28**

#### **nanamafy fa voarain'izy ireo ny vokatra izay nangonina**

Paoly dia miresaka ny vola izay nalainy tamin'ny Jerosalema ho toy ny vokatra. DH: "Dia nataoko tonga soa aman-tsara tany amin'izy ireo izany fanatitra izany"

#### **Fantatro fa rehefa mankany aminareo aho dia hiditra amin'ny fahafenoan'ny fitahian'i Kristy.**

Izany fehezanteny izany dia midika fa Kristy dia hitahy an'i Paoly sy ireo mpino Romana. DH: "Ary fantatro fa rehefa mamangy anareo aho, dia hampitobaka fitahiana amintsika i kristy"

### **Romans 15:30**

#### **mamporisika anareo aho**

"mampahery anareo aho"

#### **ry rahalahy**

Eto izany dia ilazana ireo namana Kristiana, ao anatin'izany na ny lahy na ny vavy.

#### **hiaraka hiady**

"hiasa mafy" na "hitolona"

#### **avotra**

"voavonjy" na "voaro"

#### **ary mba ho eken'ireo mpino ny fanompoako ho an'ny Jerosalema**

Eto Paoly dia maneho ny faniriany mba handraisan'ireo mpino ao Jerosalema am-pifaliana ny vola avy amin'ireo mpino ao Makedonia sy Akaia. DH: "ary mivavaha mba ho faly ireo mpino ao Jerosalema handray ny vola izay hoentiko ho azy ireo"

**Romans 15:33**

**Andriamanitry ny fiadanana anie**

Ny teny hoe "Andriamanitry ny fiadanana" dia  
maneho an'Andriamanitra izay mahatonga ireo

---

mpino hanana fiadanana anaty. DH: "Mivavaka aho  
mba ... ny Andriamanitra izay mahatonga antsika  
rehetra hanana fiadanana anaty"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Ankiniko aminareo i Foiby anabavintsika, izay mpanompon'ny fiangonana any Kenkrea, <sup>2</sup> mba handraisanareo azy ao amin'ny Tompo. Ataovy izany amin'ny fomba mendrika ireo mpino, ary manatreha azy amin'izay olana mety hilainy ny fanampianareo. Fa izy tenany ihany koa dia lasa mpanampy ny maro, ary ny tenako ihany koa. <sup>3</sup> Manaova veloma an'i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa amiko ao amin'i Kristy Jesosy, <sup>4</sup> izay nahafoy ny ain'izy ireo ho an'ny aiko. Misaotra azy ireo aho, ary tsy izaho ihany, fa ireo fiangonana rehetran'ny Jentilisa ihany koa. <sup>5</sup> Manaova veloma ny fiangonana izay ao amin'ny tranon'izy ireo. Manaova veloma any amin'i Epaineto malalako, izay voaloham-bokatr'i Asia ho an'i Kristy. <sup>6</sup> Manaova veloma an'i Maria, izay niasa mafy ho anareo. <sup>7</sup> Manaova veloma an'i Androniko sy Jonia, havako akaiky, ary niara-nigadra tamiko. Malaza eo anivon'ireo apostoly izy ireo, izay tao amin'i Kristy talohako ihany koa. <sup>8</sup> Manaova veloma an'i Ampliato, malalako ao amin'ny Tompo. <sup>9</sup> Manaova veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsika ao amin'i Kristy, sy Staky, malalako. <sup>10</sup> Arahabao Apela, ilay ankasitrahana ao amin'i Kristy. Arahabao ireo izay ao amin'ny tokantranon'i Aristobolo. <sup>11</sup> Manaova veloma an'i Herodiona, havako. Manaova veloma an'ireo izay ao amin'ny tokantranon'i Narkisa, izay ao amin'ny Tompo. <sup>12</sup> Manaova veloma an'i Tryfena sy Tryfosa, izay miasa mafy ao amin'ny Tompo. Arahabao Perysa malala, izay niasa mafy tao amin'ny Tompo. <sup>13</sup> Manaova veloma an'i Rofosy, izay voafidy tao amin'ny Tompo, ary ny reniny sy ny reniko. <sup>14</sup> Manaova veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, ary ireo rahalahy izay miaraka amin'izy ireo. <sup>15</sup> Manaova veloma an'i Filologia sy Jolia, Nerea sy ny anabaviny, sy Olimpa, ary ireo mpino rehetra miaraka amin'izy ireo. <sup>16</sup> Mifanaova veloma amin'ny fifanorohana masina. Ireo fiangonan'i Kristy rehetra dia manao veloma anareo. <sup>17</sup> Ankehitriny mamporisika anareo aho, ry rahalahy, mba hihevitra ny momba ireo izay mahatonga ny fizarazarana sy ny fanafintohinana. Izy ireo dia mihoatra lavitry ny fampianarana izay noraisinareo. Mialà lavitra azy ireo. <sup>18</sup> Fa tsy manompon'i Kristy Tompotsika ny olona toy ireny, fa ny kibony manokana ihany. Amin'ny teny malefaka sy mandoka no amitahan'izy ireo ny fon'ny tsy manan-tsiny. <sup>19</sup> Fa ny ohatrareo amin'ny fankatoavana dia tafita any amin'ny tsirairay. Noho izany, mifaly aho, ny aminareo, fa tiako mba ho hendry amin'izay tsara ianareo, ary tsy hanan-tsiny amin'izay ratsy. <sup>20</sup> Andriamanitra ny fiadanana hanorotoro an'i Satana eo ambanin'ny tongotrareo afaka fotoana fohy. Ho aminareo anie ny fahasovan'ny Tompotsika Jesosy Kristy. <sup>21</sup> Timoty, mpiara-miasa amiko, dia manao veloma anareo, sy Losio, Jazona ary Sosipatro, havako. <sup>22</sup> Izaho, Tertio, izay nanoratra ity epistily ity, dia manao veloma anareo ao amin'ny Tompo. <sup>23</sup> Gaio, ilay mpampiantrano ahy sy ny fiangonana manontolo, dia manao veloma anareo anareo. Erasto, mpitam-bola ao amin'ny tanàna, dia manao veloma anareo, miaraka amin'i Koarto ilay rahalahy. <sup>24</sup><sup>[1]</sup><sup>25</sup> Ary ny voninahitra dia ho Azy izay mahavita mampijoro anareo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy, araky ny fanambarana ny misitery izay notazonina ho tsiambaratelo ela be tany aloha tany, <sup>26</sup> kanefa nambara ankehitriny, ary tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminaniana no nampahafantarina tamin'ny firenena rehetra, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ho fankatoavana ny finoana. <sup>27</sup> Ho an'ilay Andriamanitra tokan'ny fahendrena, anie ny voninahitra mandrakizay, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Amena.

### Footnotes

16:24 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ity andininy ity. (Jereo ny Romana 16: 20). and 24: "Ho aminareo rehetra anie ny fahasovan'ny Tompotsika Jesosy Kristy. Amena."

### Romans 16:1

#### Fampifandraisana foto-kevitra:

Manao veloma ny maro amin'ireo mpino ao Roma amin'ny anaran'izy ireo i Paoly.

#### Ankiniko aminareo i Foiby

"Tiako raha mba hanaja an'i Foiby ianareo"

#### Foiby

Anaram-behivavy izany.

#### anabavintsika

Ny mpisolo-tena tampisaka "-ntsika" eto dia manondro an'i Paoly sy ireo mpino rehetra. DH: "ny anabavintsika ao amin'i Kristy"

#### Kenkrea

Izany dia seranan-tsambo tao amin'ny tanàn'i Grisia.

**handraisanareo azy ao amin'ny Tompo**

Mamporisika ireo mpino ao Roma i Paoly mba handray an'i Foiby ho toy ny mpino namana. DH: "raiso izy satria isika rehetra dia an'ny Tompo"

**ny fomba mendrika ireo mpino**

"amin'ny fomba izay tokony handraisan'ireo mpino ny mpino hafa"

**ary manatreha azy**

Mamporisika ireo mpino ao Roma i Paoly mba henome an'i Foiby ireo zavatra ilainy. DH: "ary ampio izy amin'ny fanomezana izay rehetra ilainy"

**lasa mpanampy ny maro, ary ny tenako ihany koa**

"nanampy ny olona maro, ary izy ihany koa dia nanampy ahy"

**Romans 16:3****Prisila sy Akoila**

Prisila no vadin'i Akoila.

**mpiara-miasa amiko ao amin'i Kristy Jesosy**

Ireo "mpiara-miasa" amin'i Paoly dia olona izay milaza amin'ny hafa ihany koa ny momba an'i Jesosy. DH: "Izay miasa miaraka amiko mba hilaza amin'ny olona momba an'i Kristy Jesosy"

**Manaova veloma amin'ny fiangonana izay ao amin'ny tranon'izy ireo**

"Manaova veloma amin'ireo mpino izay mivory ao an-tranony mba hivavaka"

**Epaineto**

Anaran-dehilahy izany.

**voaloham-bokatr'i Asia ho an'i Kristy.**

Resahin'i Paoly toy ny hoe vokatra izay nojinjainy i Epaineta. DH: "olona voalohany tao Asia izay nino an'i Jesosy"

**Romans 16:6****Maria**

Anaram-behivavy izany.

**Androniko ... Ampliato**

Anaran-dehilahy ireo.

**Jonia**

Izany dia afaka atao hoe 1) Jonia, anaram-behivavy, na tsaratsara kokoa, 2) Jonias, anarn-dehilahy.

**Malaza eo anivon'ireo apostoly izy ireo**

Afaka adika hoe DH: "Ireo aposotoly mahalala azy ireo tsara"

**malalako ao amin'ny Tompo.**

"ry sakaizako ary mpino namako"

**Romans 16:9****Orbano ... Staky ... Apela ... Aristobolo ... Herodiona ... Narkisa**

Anaran-dehilahy ireo.

**ankasitrahana ao amin'i Kristy**

Ny teny hoe "ankasitrahana" dia milaza ny olona izay voatsapa ary voaporofa fa tena marina. DH: "izay neken'i Kristy"

**izay ao amin'ny Tompo**

Izany dia ilazana ireo izay matoky an'i Jesosy. DH: "Izay mpino" na "izay an'ny Tompo"

**Romans 16:12****Tryfena ... Tryfosa ... Perysa**

Anarm-behivavy ireo.

**Rofosy ... Asynkrito ... Flegona ... Hermesy ... Patroba ... Herma**

Anarm-behivavy ireo.

**voafidy tao amin'ny Tompo**

Afaka adika hoe DH: "Ireo izay nofidian'ny Tompo"

**ny reniny sy ny reniko**

Resahin'i Paoly toy ny reniny ny renin'i Rofosy. DH: "ny reniny, izay raisiko ho toy ny reniko ihany koa"

**ireo rahalahy**

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, ao anatin'izany na lahy na vavy.

**Romans 16:15****Filologia ... Nerea ... Olimpa**

Anaran-dehilahy ireo.

**Jolia**

Anaram-behivavy. Mety ho Jolia no vadin'i Filologia.

**fifanorohana masina**

Fomba fanehoam-pitiavana eo amin'ireo namana mpino.

**Ireo fiangonan'i Kristy rehetra dia miarahaba anareo.**

Eto Paoly dia miresaka momba ny fiangonan'i Kristy amin'ny ankapobeny. DH: "Ireo mpino ao amin'ny fiangonana rehetra ao amin'ity tanàna ity dia manao veloma anareo"

**Romans 16:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manome fampitandremana farany ho an'ireo mpino mahakasika ny firaisana sy fiainana ho an'Andriamanitra.

**ry rahalahy**

Izany dia midika hoe namana Kristiana, ao anatin'izany na lahy na vavy.

**mba hieritreritra ny momba**  
"mba hitandrina ny amin'ny"

**ireo izay mahatonga ny fizarazarana sy ny fanafintohinana**  
Izany dia ilazana ireo izay miady hevitra ary mahatonga ny hafa hitsahatra hatoky an'i Jesosy. DH: "izay mahatonga ireo mpino hiady hevitra amin'ny tsirairay ary hitsahara tsy hanana an'Andriamanitra"

**Izy ireo dia mihoatra lavitry ny fampianarana izay noraisinareo**  
Izy ireo dia mampianatra zavatra fa aza manaiky amin'izay marina izay efa nianaranareo"

**Ialao lavitra izy ireo**  
"miataha lavitra azy ireo"

**fa ny kibony manokana ihany**  
Eto ny teny hoe "kibo" dia milaza ny faniriana aranofo. Ny fanompoana ny kibo dia entina ilazana fanatanterahana ny filan'izy ireo. DH: "fa izy ireo dia te hanatanteraka ny fanirian-dratsin'izy ireo manokana"

**Amin'ny teny malefaka sy mandoka**  
Ny teny hoe "malefaka" sy "mandoka" dia mitovitovy hevitra. Tsindrian'i Paoly manokana ny amin'ny fomba amitahan'izy ireo ny mpino. DH: "Amin'ny alalan'ny fitenenan-javatra izay toa tsara sy marina"

## Romans 16:19

**Fa ny ohatrareo amin'ny fankatoavana dia tafita any amin'ny tsirairay**  
Eto Paoly dia miresaka ny fankatoavan'ireo mpino Romana ho toy ny olona izay afaka mandeha eny amin'ny olona. DH: "Fa ren'ny olona rehetra hoe ahoana ny fankatoavanareo an'i Jesosy"

**Andriamanitra ny fiadanana dia hanorotoro an'i Satana eo amin'ny tongotrareo afaka fotoana fohy**  
Ny fehezanteny hoe "hanorotoro ... ao ambanin'ny tongotrareo" dia midika fandresena tanteraka ny fahavalo. Eto Paoly dia miresaka ny fandresena an'ny Satana toy ny hoe nanitsaka ny fahavalo ao ambanin'ny tongotr'izy ireo ny mpino Romana. DH: "Andriamanitra hanome anareo fiadanana sy fandresena tanteraka an'i Satana tsy ho ela"

**tsy hanan-tsiny amin'izay ratsy**  
"tsy tafiditra amin'ny fanaovana ratsy"

## Romans 16:21

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Paoly dia manao veloma ho an'ireo mpino izay miaraka aminy.

**Losio, Jasona, ary Sosipatro ... Tertio**  
Anaran-dehilahy ireo.

**Tertio, izay nanoratra ity epistily ity**  
Tertio ilay lehilahy izay nanoratra izay nolazain'i Paoly.

**manao veloma anareo ao amin'ny Tompo.**  
"manao veloma anareo amin'ny maha-mpino namana anareo"

## Romans 16:23

**Gaio ... Erasto ... Koarto**  
Anaran-dehilahy ireo.

**ilay mpampiantrano**  
Izany dia manondro an'i Gaio, izay tao an-tranony no niangonan'ny Paoly sy ireo namany Kristiana mba hivavaka.

**mpitam-bola**  
Olona mitantana ny vola ao amin'ny vondrona iray izany.

**Ho aminareo rehetra anie ny fahasovan'ny Tompontosika Jesosy Kristy**  
Eto ny teny hoe "fahasovana" dia milaza ny fitahian'i Tompo eo amin'ny olony. DH: "Tomo Jesosy Kristy anie hitohy hanao zava-tsoa eo amintsika rehetra"

## Romans 16:25

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Faranan'i Paoly amin'ny vavaka fitsofan-drano.

**Ary**  
Eto ny teny hoe "ary" dia manamarika ny fahataperan'ny taratasy. Raha manana fomba fanaovana izany ianao ao amin'ny fitenin'ao dia azonao ampiasaina eto izany.

**mampijoro anareo**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe olona mijoro fa tsy levo eto ny fananana finoana matanjaka. DH: "mba hampatanjaka ny finoanareo"

**araky ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy**  
"amin'ny alalan'ny vaovao mahafaly izay notoriako momba an'i Jesosy Kristy"

**araky ny fanambarana ny misitery izay notazonina ho tsiambaratelo ela be tany aloha tany**  
Milaza i Paoly fa Andriamanitra dia naneho fahamarinana mifafina tamin'ireo mpino aloha. Resahiny ho toy ny hoe tsiambaratelo ireo fahamarinana ireo. Afaka adika hoe DH: "satria nampisehon'Andriamanitra antsika mpino ny tsiambaratelo izay notanany efa ela be"

**kanefa nambara ankehitriny, ary tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminaniana no nampahafantarina tamin'ny firenena rehetra, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay**  
Ny teny hoe "naneho" sy "nampahafantarina" dia mitovy hevitra. Ampiasain'i Paoly ireo teny ireo mba



ho fanamafisana ny heviny. DH: "fa ankehitriny Andriamanitry ny mandrakizay dia naneho izany tamin'ny alalan'ny Soratra Masina"

**ho fankatoavana ny finoana**

Eto ny teny hoe "fankatoavana" sy "finoana" dia ampahan-teny. Afaka ampiasainao ny teny hoe "mankatoa" na "matoky" ao amin'ny fandikan-teninao. DH: "mba hankatoavan'ny firenena rehetra an'Andriamanitra satria izy ireo dia matoky Azy"

**Romans 16:27**

**Ho an'ilay Andriamanitra ... ny voninahitra mandrakiza. Amena**

Eto ny teny hoe "amin'ny alalan'i Jesosy Kristy" dia maneho izay nataon'i Jesosy. Ny manome "voninahitra" dia midika hoe midera an'Andriamanitra. DH: "Noho izay vitan'i Jesosy Kristy tamintsika, dia hidera ilay iray izay hany Andriamanitra sy hany hendry mandrakizay isika. Amena"

## Book: 1 Corinthians

### 1 Corinthians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, nantsoin'i Jesosy Kristy mba ho Apostoly nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, sy Sostena rahalahintsika, <sup>2</sup> ho an'ny fiangonan'Andriamanitra ao Korinto, ho an'ireo izay nohamasinina tao amin'i Kristy Jesosy, izay voantso ho olona masina. Manoratra ho an'ireo rehetra izay miantso ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika amin'ny toerana rehetra ihany koa izahay, dia Tompon'izy ireo sy antsika. <sup>3</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>4</sup> Izaho dia manome fisaorana ho an'Andriamanitra ho anareo foana nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomen'i Jesosy Kristy anareo. <sup>5</sup> Nataony nanankarena tamin'ny fomba rehetra ianareo, tamin'ny fiteny rehetra sy ny fahalalana rehetra, <sup>6</sup> raha vao voaporofa teo aminareo fa marina ny fanambarana momban'i Kristy. <sup>7</sup> Noho izany ianareo dia tsy ory fanomezam-pahasoavana eo am-piandrasanareo fatratra ny fanambarana an'i Jesosy Kristy Tompontosika. <sup>8</sup> Izy ihany koa dia hampahery anareo hatramin'ny farany, mba tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontosika. <sup>9</sup> Mahatoky Andriamanitra, izay niantso anareo ho amin'ny firaisana amin'ny Zanany lahy, Jesosy Kristy Tompontosika. <sup>10</sup> Ankehitriny dia mampirisika anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hifanaraka ianareo rehetra, ary tsy hisy fisarahana eo aminareo. Mampirisika aho mba hikambana amin'ny saina mitovy sy tanjona mitovy ianareo. <sup>11</sup> Fa efa natao mazava tamiko, ry rahalahy, tamin'ny alalan'ny vahoakan'i Kloe fa misy fifampiangonana eo aminareo. <sup>12</sup> Ny tiako ambara dia izao: Ny tsirairay aminareo samy manao hoe: "Izaho miaraka amin'i Paoly," na "Izaho miaraka amin'i Apolosy," na "Izaho miaraka amin'i Kefasy," na "Izaho miaraka amin'i Kristy." <sup>13</sup> Voazarazara ve Kristy? Paoly ve no nomboana ho anareo? Tamin'ny anaran'i Paoly ve no nanaovana batisa anareo? <sup>14</sup> Misaotra an'Andriamanitra aho fa tsy nisy nataoko batisa ianareo, afa-tsy Krispo sy Gaio. <sup>15</sup> Izany dia mba tsy hafahan'iza na iza miteny hoe tamin'ny anarako no nanaovana batisa anareo. <sup>16</sup> (Izaho ihany koa dia nanao batisa ny ankohonan'i Stefanasy. Ny ankoatra izay, tsy fantatro raha nanao batisa olona hafa aho.) <sup>17</sup> Fa Kristy dia tsy naniraka ahy mba hampanao batisa fa hitory ny filazantsara. Izy tsy nandefa ahy hitory amin'ny tenin'ny fahendren'ny olombelona, mba tsy ho foana ny herin'ny hazofijalian'i Kristy. <sup>18</sup> Fa ny hafatra momba ny hazo fijaliana dia fahadalana amin'ireo izay ho faty. Fa eo amin'ireo izay ho vonjen'Andriamanitra kosa, dia herin'Andriamanitra izany. <sup>19</sup> Fa voasoratra hoe: "Ho potehiko ny fahendren'ny hendry. Ho foanako ny fahalalanan'ny mahay." <sup>20</sup> Aiza ny olon-kendry? Aiza ny manam-pahaizana? Aiza ny mpiady hevitra an'izao tontolo izao? Moa tsy navadik'Andriamanitra ho fahadalana ve ny fahendren'izao tontolo izao? <sup>21</sup> Satria tsy nahalala an'Andriamanitra izao tontolo izao tao amin'ny fahendreny, dia sitrak'Andriamanitra ny hamonjy ireo izay mino amin'ny alalan'ny fahadalan'ny fitoriana. <sup>22</sup> Fa ireo Jiosy dia mangataka famantarana mahagaga ary ireo Grika mikaroka fahendrena. <sup>23</sup> Fa izahay mitory an'i Kristy voahombo, izay vato fanafintohinana ho an'ireo Jiosy ary fahadalana ho an'ireo Grika. <sup>24</sup> Fa ho an'ireo izay nantsoin'Andriamanitra, ireo Jiosy sy ireo Grika, dia mitory an'i Kristy tahaka ny hery sy fahendren'Andriamanitra izahay. <sup>25</sup> Fa ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona, ary ny fahalemen'Andriamanitra dia matanjaka noho ny olona. <sup>26</sup> Hevero ny fiantsoana anareo, ry rahalahy. Tsy maro taminareo no hendry raha ny amin'ny maha olombelona. Tsy maro taminareo no nahery. Tsy maro taminareo no avo firazanana. <sup>27</sup> Fa Andriamanitra dia nisafidy ireo zavatra adalan'izao tontolo izao mba hampahamenatra ny hendry. Andriamanitra dia nisafidy izay malemy eo amin'izao tontolo izao mba hampahamenatra izay matanjaka. <sup>28</sup> Andriamanitra dia nisafidy izay ambany sy hamavoina eto amin'izao tontolo izao. Na Izy aza dia nifidy ireo zavatra izay noheverina ho tsinontsinona, mba hahatonga tsinontsinoa ireo zavatra izay atao ho manan-danja. <sup>29</sup> Nataony izany mba tsy hisy hanana antony hireharehana eo anatrehan'ny. <sup>30</sup> Nohon'ny nataon'Andriamanitra, ankehitriny ianareo dia ao amin'i Kristy Jesosy, izay lasa fahendrena ho antsika avy amin'Andriamanitra. Izy dia lasa fahamarinantsika, fahamasinantsika ary fahafahantsika. <sup>31</sup> Vokatry'izany, araka izay voalazan' ny Soratra Masina hoe: "Aoka izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo."

## 1 Corinthians 1:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly sy Sostena miarahaba ireo Korintiana mpino ao am-piangonana.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Raha tsy misy fanamarihana manokana, ny teny toy ny hoe: "ianareo" sy "anareo" no ampiasaina satria maneho an'ireo mpihaino an'i Paoly.

**Paoly ... ho an'ny fiangonana'Andriamanitra any Korinto**  
Ny fitenim-paritrao dia mety manana ny fombany manokana hampahafantarana ny mpanoratra ny taratasy sy ireo mpamaky izany. DH: "Izaho, Paoly, nanoratra ity taratasy ity ho anareo izay mino an'Andriamanitra any Korinto"

### Sostena rahalahintsika

Izany dia midika fa i Paoly sy ireo Korintiana dia samy nahalala an'i Sostena. DH: "Sostena ilay rahalahy izay fantatrareo sy fantatro"

**Ireo rehetra izay nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy**  
Eto ny hoe: "nohamasinina" dia maneho ny olona izay natokan'Andriamanitra hanome voninahitra Azy. DH: "ho an'ireo izay natokan'i Kristy Jesosy ho an'Andriamanitra" na "ho an'ireo izay natokan'Andriamanitra ho Azy satria izy ireo dia an'i Kristy Jesosy"

### izay nantsoina ho olomasina

Afaka atao hoe: "Izay nantsoin'Andriamanitra ho olomasina" Ireo mety ho dikany: 1) "izay natokan'Andriamanitra ho Azy" na 2) "izay nantsoin'Andriamanitra mba hanasarakana ny tenan'izy ireo amin'ny fahotana" na "izay nantsoin'Andriamanitra mba tsy hanota"

### Ny Tompon'izy ireo sy antsika

Jesosy dia Tompon'i Paoly sy ireo Korintiana no sady Tompon'ny fiangonana rehetra.

## 1 Corinthians 1:4

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia mamaritra ny toeran'ny mpino sy ny fiombonana ao amin'i Kristy tahaka ny hoe miandry ny fahatongavany izy ireo.

### noho ny fahasovan'Andriamanitra izay nomen'i Kristy Jesosy anareo

Ny fahasovan'Andriamanitra dia oharin'i Paoly amin'ny zavatra mivaingana izay nataon'i Jesosy ho fanomezana an'ireo Kristiana. DH: "satria nataon'i Kristy Jesosy ho azon'Andriamanitra tanterahina ny ho tsara fanahy aminareo"

### Nataony nanan-karena ianareo

Ireo mety ho dikany: 1) "Nataon'i Kristy manan-karena ianareo" na 2) "Nataon'Andriamanitra mpanan-karena ianareo."

**Nataony nanan-karena tamin'ny fomba rehetra ianareo**  
Fomba amin'ny ankapobeny no resahan'i Paoly. DH: "naha-mpanan-karena anareo tamin'ny karazam-pitahiana ara-panahy rehetra"

### tamin'ny fiteny rehetra

Nataon'Andriamanitra afaka milaza amin'ny hafa momba ny hafatr'Andriamanitra amin'ny fomba maro ianareo.

### ny fahalalana rehetra

Nataon'Andriamanitra afaka mahatakatra ny hafatr'Andriamanitra amin'ny fomba maro ianareo.

### raha vao voaporofa teo aminareo fa marina ny fanambarana momban'i Kristy

Ireo mety ho dikany: 1) "Ianareo mihitsy no nahita fa izay voalazanay momba an'i Kristy dia marina" na "ny olona sasany dia nahafantatra tamin'ny alalan'ny fahitana ny fomba fiainanareo ankehitriny fa izay voalazanay sy voalazanareo momba an'i Kristy dia marina."

## 1 Corinthians 1:7

### Noho izany

"Vokatr'izany"

### tsy ory fanomezam-pahasoavana

"manana ny fanomezam-pahasoavana rehetra"

### ny fanambarana an'i Jesosy Kristy Tompontosika

Ireo mety ho dikany: 1) "amin'ny fotoana hanambaran'Andriamanitra an'ilay Tompo Jesosy Kristy" na 2) "amin'ny fotoana hanambaran'i Jesosy Kristy Tompo ny tenany."

### tsy hanan-tsiny ianareo

Tsy hisy antony hanamelohan'Andriamanitra anareo.

### Mahatoky Andriamanitra

"Andriamanitra dia hanao izay rehetra nolazainy fa ho ataony"

### ny Zanany

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

## 1 Corinthians 1:10

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia mampatsiahy an'ireo Korintiana mpino fa izy ireo dia tokony hiaina ao anaty fiombonana amin'izy samy izy sy ny hafatry ny hazofijalian'i Kristy, fa tsy ny batisa tamin'ny alalan'ny olona, no mamonjy.

### ry rahalahy,

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

**mba hifanaraka ianareo rehetra**

"mba hiaina ao anaty fifanarahana ianareo tsirairay"

**ary tsy hisy fisarahana eo aminareo**

"mba tsy hisy fizarana antoko eo aminareo"

**mba hikambana amin'ny saina mitovy sy tanjona mitovy ianareo**

"miray hina"

**ny vahoakan'i Klua**

Maneho an'ireo isam-piankohonana izany, ireo mpanompo, ary ireo hafa izay isan'ny ankohonan'i Klua, vehivavy iray, izay lohany.

**misy fifampindanianana eo aminareo**

"ao anaty antoko izay mifamaly amin'ny hafa ianareo"

**1 Corinthians 1:12****Ny tsirairay aminareo samy manao hoe**

Maneho ny toetry ny fizarazarana amin'ny ankapobeny i Paoly.

**Voazarazara ve Kristy?**

Paoly dia te-hanamafy ny marina fa i Kristy dia tsy mizarazara fa iray. "Tsy afaka zarazaraina araka izao fomba ataonareo izao i Kristy!"

**Paoly ve no nomboana ho anareo?**

Paoly dia te-hanamafy fa Kristy, fa tsy Paoly na Apolosy, no nomboana. Afaka atao ihany koa hoe: "Azo antoka fa tsy Paoly no novonoin'izy ireo teo amin'ny hazofijaliana ho famonjena anareo!"

**Tamin'ny anaran'i Paoly ve no nanaovana batisa anareo?**

Paoly dia te-hanamafy fa natao batisa tamin'ny anaran'i Kristy isika rehetra. DH: "Tsy tamin'ny anaran'i Paoly no nanaovana batisa ny olona!"

**1 Corinthians 1:14****Misaotra an'Andriamanitra aho**

Naneho fankasitrahana i Paoly tamin'ny tsy fanaovana batisa olona betsaka tao Korinto.

**fa tsy nisy ... taminareo, afa-tsy**

"... irery ihany"

**Krispo**

Mpanapaky ny synagoga izay lasa Kristiana izy.

**Gaio**

Nandeha niaraka tamin'i Paoly Apostoly izy.

**Izany dia mba tsy hahafahan'iza na iza miteny hoe tamin'ny anarako no nanaovana batisa anareo**

"Tsy nanao batisa olona hafa aho satria natahotra aho sao hirehareha izy ireo hoe nataoko batisa any aoriana"

**ny ankohonan'i Stefanasy**

Izany dia maneho ny isam-piankohonana sy ireo mpanompo ao amin'ny tranon'i Stefanasy, lehilahy iray, izay lohany.

**1 Corinthians 1:17****Fa Kristy dia tsy naniraka ahy mba hanao batisa**

Izany dia midika fa tsy ny batisa no tanjona voalohan'ny asa fanompoan'i Paoly.

**ny tenin'ny fahendren'ny olombelona, mba tsy ho foana ny herin'ny hazofijalian'i Kristy.**

Oharin'i Paoly amin'ny olona ny "tenin'ny fahendren'olombelona", ny hazofijaliana toy ny fitoeran-javatra, ary ny hery toy ny zavatra mivaingana izay afaka apetrak'i Jesosy ao amin'io fitoeran-javatra io. DH: "ny tenin'ny fahendren'ny olombelona ... ireo tenin'ny fahendren'olombelona dia tsy tokony hahafahana ny hazofijalian'i Kristy amin'ny heriny" na "ny tenin'ny fahendren'ny olombelona ... ny olona dia tsy tokony hitsahatra hino ny hafatra momba an'i Jesosy Kristy ka hihevitra fa Izaho dia manan-danja kokoa noho i Jesosy"

**1 Corinthians 1:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manantitrantitra ny fahendren'Andriamanitra i Paoly fa tsy ny fahendren'ny olombelona.

**ny hafatra momba ny hazo fijaliana**

"ny fitoriana momba ny fanomboana amin'ny hazofijaliana" na "ny hafatra momba an'i Kristy maty teo amin'ny hazofijaliana"

**dia fahadalana**

"tsy misy dikany" na "adaladala"

**amin'ireo izay ho faty**

Eto ny hoe: "ho faty" dia manambara ny dingan'ny fahafatesana ara-panahy.

**dia herin'Andriamanitra izany**

"Andriamanitra no miasa amin-kery ho antsika"

**Ho foanako ny fahalalanan'ny mahay**

"Ho afangaroko ny olona mahay" na "Hataoko izay tsy hahatanteraka ny fikasan'ny olona mahay"

**1 Corinthians 1:20****Aiza ny olon-kendry? Aiza ny manam-pahaizana? Aiza ny mpiady hevitra an'izao tontolo izao?**

Paoly dia manamafy fa tsy hita na aiza na aiza ny tena olon-kendry. DH: "Oharina amin'ny fahendren'ny filazantsara, dia tsy misy olon-kendry, tsy misy manam-pahaizana, tsy misy mpiady hevitra!"

**ny manam-pahaizana**

olona iray izay fantatra fa nianatra zavatra be

**ny mpiady hevitra**

olona iray izay milaza ny zavatra fantany na izay mahay fandresan-dahatra tahaka izany

**Moa tsy navadik'Andriamanitra ho fahadalana ve ny fahendren'izao tontolo izao?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisana izay zava-bitan'Andriamanitra tamin'ny fahendren'izao tontolo izao. DH: "Nampiseho Andriamanitra fa ny zavatra rehetra izay nantsoin'izy ireo hoe fahendrena dia tena fahadalana"

**ireo izay mino**

Ireo mety ho dikany dia 1) "izay rehetra mino ilay hafatra" na "izay rehetra mino an'i Kristy."

**1 Corinthians 1:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "izahay" dia maneho an'i Paoly sy ireo mpampianatra Baiboly hafa.

**Kristy voahombo**

"momba an'i Kristy, izay maty teo amin'ny hazofijaliana"

**vato fanafintohinana**

Toy ny olona iray mety ho tafintohina amin'ny vato eny an-dalana, ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'ny fanomboana an'i Kristy ihany koa dia miaro ny Jiosy tsy hino an'i Jesosy. DH: "tsy azo ekena" na "tena manafintohina"

**1 Corinthians 1:24****ho an'ireo izay nantsoin'Andriamanitra**

"ho an'ny olona izay nantsoin'Andriamanitra"

**mitory an'i Kristy ... izahay**

"mampianatra ny momba an'i Kristy izahay" na "miteny ny momba an'i Kristy amin'ny olona rehetra izahay"

**Kristy tahaka ny hery sy fahendren'Andriamanitra**

Ireo mety ho dikany: 1) "Niasa tamin-kery sy ampahendrena Andriamanitra tamin'ny fandefasana an'i Kristy ho faty ho antsika" na "tamin'ny alalan'i Kristy no nanehoan'Andriamanitra fa mahery sy manam-pahendrena Izy."

**ny hery ... an'Andriamanitra**

Ny mety ho dikany hafa dia hoe i Kristy dia mahery ary tamin'ny alalan'i Kristy no hamonjen'Andriamanitra antsika.

**fahendren'Andriamanitra**

Ny mety ho dikany hafa dia hoe: Andriamanitra nampiseho ny votoatin'ny fahendreny tamin'ny alalan'i Kristy.

**ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona, ary ny fahalemen'Andriamanitra dia matanjaka noho ny olona**

Izay antsoin'ny olona hoe fahadalan'Andriamanitra dia hendry tokoa noho izay antsoin'ny olona hoe fahendrena, ary izay antsoin'ny olona hoe fahalemen'Andriamanitra dia mahery tokoa noho ny herin'ny olona"

**1 Corinthians 1:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manambara ny toeran'ny mpino manoloana an'Andriamanitra i Paoly.

**Tsy maro ... Tsy maro ... Tsy maro**

"Tena vitsy ... Tena vitsy ... Tena vitsy"

**hendry raha ny amin'ny maha olombelona**

"izay antsoin'ny ankamaroan'ny olona hoe hendry"

**avo firazanana**

"miavaka satria manan-danja ny fianakavianareo"

**Andriamanitra dia nisafidy ... ny hendry. Andriamanitra dia nisafidy ... izay matanjaka.**

Mamerina teny mitovy ao amin'ny fehezanteny roa i Paoly izay midika zavatra mitovy ihany mba hanamafisana ny fahasamihafana eo amin'ny fomba fanaon'Andriamanitra ireo zavatra sy ny hevitra ny olona ny amin'ny tokony hanaovan'Andriamanitra an'ireo.

**Andriamanitra dia nisafidy ireo zavatra adalan'izao tontolo izao mba hampamenatra ny hendry**

"Andriamanitra nisafidy ny hampiasa ireo izay heverin'izao tontolo izao fa fahadalana mba hahamenatra ireo izay heverin'izao tontolo izao ho hendry"

**Andriamanitra dia nisafidy izay malemy eo amin'izao tontolo izao mba hampahamenatra izay matanjaka**

"Andriamanitra nisafidy ny hampiasa ireo izay heverin'izao tontolo izao ho malemy mba hahamenatra ireo heverin'izao tontolo izao ho matanjaka"

**1 Corinthians 1:28****izay ambany sy hamavoina**

ireo olona izay lavin'izao tontolo izao. DH: "ireo olona izay manetry tena sy nolavina"

**ireo zavatra izay noheverina ho tsinontsinona**

Afaka atao hoe: "izay matetika jeren'ny olona ho tsy manan-danja"

**tsinontsinona, mba hahatonga tsinontsinona ireo zavatra izay atao ho manan-danja**

"tsinontsinona. Nataony izany mba hahafahany mampiseho fa ireo zavatra izay hatao ho manan-danja dia tena tsy misy dikany"

**ireo zavatra izay atao ho sarobidy**

DH: "ireo zavatra izay heverin'ny olona ho mitovy lanja amin'ny vola" na "ireo zavatra izay heverin'ny olona ho mendrika haja"

**Nataony izany**

"Andriamanitra nanao izany"

**1 Corinthians 1:30**

**Nohon'ny nataon'Andriamanitra**

Izany dia maneho ny asan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana.

**antsika ... -ntsika**

Ireo teny ireo dia maneho an'i Paoly, ireo izay miaraka aminy, ary ireo Korintiana.

**Kristy Jesosy, izay lasa fahendrena ho antsika avy amin'Andriamanitra**

Ireo mety ho dikany: 1) "Kristy Jesosy, izay nanambara mazava tamintsika ny fahendren'Andriamanitra" na 2) "Kristy Jesosy, izay efa nanome antsika ny fahendren'Andriamanitra."

**Aoka izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo**

"Raha misy olona mirehareha, dia tokony hirehareha amin'ny fahalebiazan'ny Tompo izy"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Rehefa nankeo aminareo aho, ry rahalahy, dia tsy tonga niaraka tamina lahateny na fahendrena raha nanambara ny misitery momban'Andriamanitra. <sup>[1]</sup><sup>2</sup> Fa nanapa-kevitra tsy hahalala na inona na inona aho rehefa teo aminareo, afa-tsy Jesosy Kristy, sy Izy voahombo. <sup>3</sup> Ary niaraka taminareo aho teo amin'ny fahalemena, sy teo amin'ny tahotra, ary teo amin'ny fangovitana lehibe. <sup>4</sup> Ary ny hafatro sy ny fanambarako dia tsy tamin'ny teny fandresen-dahatry ny fahendrena. Fa kosa, ireo dia tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy hery, <sup>5</sup> mba tsy ho ao amin'ny fahendren'ny olombelona ny finoanareo, fa ao amin'ny herin'Andriamanitra. <sup>6</sup> Ankehitriny dia miresaka fahendrena eo amin'ireo matotra isika, fa tsy ny fahendren'izao tontolo izao, na ny an'ireo mpanapak'izao vaninandro izao, izay mandalo ihany. <sup>7</sup> Fa kosa, milaza ny fahendren' Andriamanitra amin'ny fahamarinana mifafina isika, ilay fahendrena mifafina izay notendren'Andriamanitra mialoha talohan'ireo vaninandro rehetra ho voninahintsika. <sup>8</sup> Tsy nisy tamin'ireo mpanapak'izao andro izao no nahafantatra io fahendrena io, fa raha nahatakatra izany izy ireo tamin'izany fotoana izany, dia tsy ho nomboin'izy ireo ilay Tompon'ny voninahitra. <sup>9</sup> Fa araka izay voasoratra hoe: "Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita, tsy nisy sofina nandre, tsy nisy eritreritra nahazo an-tsaina, ireo zavatra izay nomanin' Andriamanitra ho an'ireo tia Azy." <sup>10</sup> Ireo no zavatra nasehon'Andriamanitra taminay tamin'ny alalan'ny Fanahy. Fa ny Fanahy dia mitady ny zavatra rehetra, na dia ireo zavatra lalin'Andriamanitra aza. <sup>11</sup> Fa iza no mahafantatra ny fisainan'ny olona iray afa-tsy ny fanahin'ny olona ao aminy? Araka izany koa, tsy misy mahafantatra ireo zavatra lalin'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra. <sup>12</sup> Fa tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao isika, fa ny Fanahy izay avy amin'Andriamanitra, mba hafahantsika mahafantatra ireo zavatra omena antsika maimaimpoana avy amin'Andriamanitra. <sup>13</sup> Miteny momba ireo zavatra ireo amin'ny teny izay tsy hain'ny fahendren'ny olombelona ampianarina izahay, fa izay ampianarin'ny Fanahy anay. Ny Fanahy no mandika ny teny ara-panahy miaraka amin'ny fahendrena ara-panahy. <sup>14</sup> Ny olona izay tsy ara-panahy dia tsy mandray ireo zavatra izay an'ny Fanahin'Andriamanitra, satria fahadalana aminy ireny. Tsy afa-mahalala an'ireny izy satria famantarana ara-panahy ireny. <sup>15</sup> Izay ara-panahy dia mitsara ny zavatra rehetra, fa tsy iharan'ny fitsaran'ny hafa izy. <sup>16</sup> "Fa iza no afa-mahalala ny fisainan'ny Tompo, no ho afaka hampianatra Azy?" Fa izahay dia manana ny fisainan'i Kristy.

### Footnotes

2:1 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dika-teny maro hafa dia mivaky toy izao hoe: "Raha nanambara ny fijoroana vavolombelona momban'Andriamanitra aho."

### 1 Corinthians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampifanohitra ny fahendren'ny olona sy ny fahendren'Andriamanitra i Paoly. Manantitrantitra izy fa ny fahendrena ara-panahy dia avy amin'Andriamanitra.

#### ry rahalahy

Eto izany dia hilazana ireo Kristiana namana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

#### Fa nanapa-kevitra tsy hahalala na inona na inona aho ... afa-tsy Jesosy Kristy

Momba ny fanomboana an'i Kristy no resahan'i Paoly fa tsy ny hevitr'olombelona. DH: "Tapa-kevitra ny hiresaka betsaka araka izay azoko natao aho ... momba an'i Jesosy Kristy"

### 1 Corinthians 2:3

#### niaraka taminareo aho

"Niara-namangy taminareo aho"

#### amin'ny fahalemena

Ireo mety ho dikany: 1) "malemy ara-batana" na 2) "mahatsapa toa tsy afaka manao izay tokony ho nataoko aho."

#### ny teny fandresen-dahatry ny fahendrena

ireo teny izay toa maneho fahendrena ary izay antenain'ny mpiteny hahatonga ny olona hanao na hino zavatra iray

### 1 Corinthians 2:6

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Nahaton'i Paoly ny fandresen-dahatra fototra mba hanazavany izay tiany ho lazaina amin'ny hoe: "fahendrena" ary ny olona tiany no resahany.

**Ankehitriny dia miresaka ... isika**

Ny teny hoe: "Ankehitriny" dia ampiasaina eto mba hanamarihana fiatoana eo amin'ny fampianarana fototra. Manomboka manazava i Paoly fa ny fahendrena marina dia ny fahendren'Andriamanitra.

**miresaka fahendrena**

"milaza ireo tenin'ny fahendrena"

**ireo matotra**

"ireo mpino matotra"

**talohan'ireo vaninandro**

"talohan'ny namoronan'Andriamanitra ny zavatra rehetra"

**Ho voninahitsika**

"mba hiarovana ny voninahitsika ho avy"

**1 Corinthians 2:8****ilay Tompon'ny voninahitra**

"Jesosy, ilay Tompo be voninahitra"

**Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita ... eritreritra nahazo an-tsaina, ireo zavatra ... ho an'ireo tia Azy**  
Fehezanteny tsy feno io. Ireo dikan-teny sasany dia manao izany ho fehezanteny feno: "Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita ... nahazo an-tsaina; ireo no zavatra ... izay tia azy." Ireo dikan-teny hafa dia mamela izany tsy ho feno: "Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita ... nahazo an-tsaina, ireo zavatra ... izay tia azy'."

**Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita, tsy nisy sofina nandre, tsy nisy eritreritra nahazo an-tsaina**

Izany dia zavatra telo izay manambara ny olona manontolo mba hanamafisana fa tsy nisy olona nahafantatra ireo zavatra izay efa nomanin'Andriamanitra.

**ireo zavatra izay nomanin' Andriamanitra ho an'ireo tia Azy**

Namorona zavatra tsy ampoizina mahatalanjona any an-danitra ho an'ireo izay tia Azy ny Tompo.

**1 Corinthians 2:10****Ireo no zavatra**

Milaza ny fahamarinana momba an'i Jesosy sy ny hazofijaliana i Paoly.

**Fa iza no mahafantatra ny fisainan'ny olona iray afa-tsy ny fanahin'ny olona ao aminy?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisany fa tsy misy na iza na iza mahalala ny

eritreritry ny olona afa-tsy ilay olona irery ihany.  
DH: "Tsy misy na iza na iza mahalala ny eritreritry ny olona afa-tsy ny fanahin'izany olona izany ihany"

**ny fanahin'ny olona**

Izany dia maneho ny toetra anatin'ny olona iray, ny toetrany manokana ara-panahy.

**tsy misy mahafantatra ireo zavatra lalin'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra**

"Ny fanahin'Andriamanitra ihany no mahalala ireo zavatra lalin'Andriamanitra"

**1 Corinthians 2:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "isika" dia ahitana an'i Paoly sy ireo mpamaky.

**omena antsika maimaimpoana avy amin'Andriamanitra**  
"izay nomen'Andriamanitra antsika maimaimpoana" na "izay efa nomen'Andriamanitra antsika maimaimpoana"

**Ny Fanahy no mandika ny teny ara-panahy miaraka amin'ny fahendrena ara-panahy**

Ny Fanahy Masina dia mampita ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ireo mpino ao amin'ny tenin'ny Fanahy manokana sady manome azy ireo ny fahendreny manokana.

**mandika**

"manazava"

**1 Corinthians 2:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "izahay" dia ahitana an'i Paoly sy ireo mpihaino azy.

**Ny olona izay tsy manam-panahy**

Olona tsy Kristiana, izay tsy nandray ny Fanahy Masina

**satria famantarana ara-panahy ireny**

"Satria ny fahazoana ireny zavatra ireny dia mila ny fanampian'ny Fanahy"

**Izay manam-panahy**

"Ny mpino izay nandray ny Fanahy"

**Fa iza no afa-mahalala ny fisainan'ny Tompo, no ho afaka hampianatra Azy?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisany fa tsy misy olona mahalala ny fisainan'ny Tompo, noho izany tsy misy olona afaka ny hampianatra Azy izay zavatra efa fantany"



## Chapter 3

<sup>1</sup> Ary izaho, ry rahalahy, dia tsy afaka niteny taminareo tahaka ny olona izay ara-panahy, fa kosa tahaka ny olona ara-nofo, tahaka ny zazakely ao amin'i Kristy. <sup>2</sup> Nofahanako ronono ianareo, fa tsy ventin-kanina, satria tsy vonona tamin'izany ianareo; ary na ankehitriny aza dia mbola tsy vonona amin'izany ianareo. <sup>3</sup> Satria ianareo mbola araky ny nofo. Fa na aiza misy fahasaratam-piaro sy fifandirana eo aminareo, dia tsy miaina araky ny nofo ve ianareo, ary tsy mandeha amin'ny fenitry ny olombelona? <sup>4</sup> Fa rehefa misy iray miteny hoe: "Izaho manaraka an'i Paoly," ary ny anankiray miteny hoe: "Izaho manaraka an'i Apolosy," dia tsy miaina tahaka ny olombelona ihany ve ianareo? <sup>5</sup> Iza ary Apolosy? Iza Paoly? Mpanompo izay tamin'ny alalany no ninoanareo, izay nomen'ny Tompo asa avy. <sup>6</sup> Izaho no namboly, Apolosy no nanondraka, fa Andriamanitra no nampitombo. <sup>7</sup> Ka noho izany, na izy izay mamboly na izy izay manondraka dia tsy misy dikany. Fa Andriamanitra no nampitombo. <sup>8</sup> Ary izy izay mamboly sy izy izay manondraka dia iray, ary ny tsirairay dia samy hahazo ny karamany avy araka ny asany. <sup>9</sup> Fa izahay dia mpiara-miasa amin' Andriamanitra. Ianareo dia sahan'Andriamanitra, sy tranon'Andriamanitra. <sup>10</sup> Araka ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy tahaka ny mpanao trano mahay, dia nametraka ny fototra aho ary hafa no manorina eo amboniny. Fa aoka ny lehilahy tsirairay hitandrina ny amin'ny fomba hanorenany eo amin'izany. <sup>11</sup> Fa tsy misy olona mametraka fototra afa-tsy ilay iray izay napetraka, izany hoe, Jesosy kristy. <sup>12</sup> Ankehitriny raha misy olona manorina eo ambonin'ny fototra amin'ny volamena, volafotsy, vato sarobidy, hazo, bozaka, na mololo, <sup>13</sup> dia haseho ny asany, fa ny andro mazava no haneho izany. Satria haseho amin'ny afo izany. Ny afo no hitsapana ny hatsaran'ny nataon'ny tsirairay. <sup>14</sup> Raha mitoetra ny asan'ilay olona, dia hahazo valisoa izy; <sup>15</sup> fa raha may ny asan'ilay olona, dia ho fatiantoka izy, fa izy tenany dia ho vonjena, toy ny nitsoaka tamin'ny afo ihany. <sup>16</sup> Tsy fantatrareo ve fa ianareo dia tempolin' Andriamanitra ary ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao aminareo? <sup>17</sup> Raha misy olona manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia hanimba izany olona izany Andriamanitra. Fa masina ny tempolin'Andriamanitra, ary toy izany koa ianareo. <sup>18</sup> Aza avela hisy olona hamita-tena. Raha misy olona eo aminareo mihevitra fa hendry izy amin'izao vanim-potoana izao, avelao izy ho lasa "adala" amin'izay mba mety ho lasa hendry izy. <sup>19</sup> Fa ny fahendren'izao tontolo izao dia fahadalana eo amin'Andriamanitra. Satria voasoratra hoe: "Nahatratra ny hendry tao amin'ny hafetsen'izy ireo Izy." <sup>20</sup> Ary koa hoe: "Ny Tompo dia mahalala fa ny fihevitra ny hendry dia zava-poana." <sup>21</sup> Noho izany tsy misy fireharehana momban'ny olona intsony! Fa ny zava-drehetra dia anareo, <sup>22</sup> na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy. Ny zava-drehetra dia anareo, <sup>23</sup> ary ianareo dia an'i Kristy, ary Kristy dia an'Andriamanitra.

### 1 Corinthians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ankehitriny Paoly dia mampatsiahy an'ireo mpino Korintiana ny amin'ny fomba fiainan'izy ireo amin'izao raha tokony hanana toetra araka ny toeran'izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra kosa izy ireo. Mampatsiahy izy fa ny olona izay mampianatra azy ireo dia tsy manan-danja noho Andriamanitra izay manome ny fitomboan'izy ireo.

#### ry rahalahy

Eto izany dia hilazana ireo namana Kristiana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

#### ny olona izay manam-panahy

ireo olona izay mankato ny Fanahy

#### ny olona ara-nofo

ireo olona izay manaraka ny fanirian'izy ireo manokana

#### tahaka ny zazakely ao amin'i Kristy

Ampitahaina amin'ny ankizy mbola zaza amin'ny taona sy amin'ny fahazavan-tsaina ireo Korintiana. DH: "tahaka ireo mpino mbola zaza ao amin'i Kristy"

#### Nofahanako ronono ianareo, fa tsy ventin-kanina

Fahamarinana tsotra ihany no takatr'ireo Korintiana tahaka ny zazakely izay ronono ihany no afaka sotroiny. Tsy ampy fahamatoran-tsaina tsara hahatakarana fahamarinana lehibe kokoa tahaka ny ankizy lehibe izay efa afaka mihinana ventin-kanina izy ireo.

#### mbola tsy vonona ianareo

"Mbola tsy vonona ny hahatakatra ny fampianarana sarotra kokoa momba ny fanarahana an'i Kristy ianareo"

## 1 Corinthians 3:3

### **mbola araky ny nofo**

mbola manana toetra araka ny faniriana feno ota na fanirian'izao tontolo izao

### **tsy miaina araky ny nofo ve ianareo, ary tsy mandeha amin'ny fenitry ny olombelona?**

Mibedy ireo Korintiana i Paoly noho ny fitondran-tena feno fahotan'izy ireo. DH: "tokony ho menatra ianareo satria manao toetra araka ny fanirian-dratsinareo ary miaina araka ny fomban'ny olombelona!"

### **tsy miaina tahaka ny olombelona ihany ve ianareo?**

Paoly dia mibedy ireo Korintiana. DH: "tokony ho menatra ianareo satria miaina tahaka ny fomba fiainan'ny olona izay tsy manana Fiainam-panahy"

### **Iza ary Apolosy? Iza Paoly?**

Manamafy i Paoly fa tsy loharano nipoiran'ny filazantsara izy sy Apolosy, ka noho izany dia tsy tokony hanaraka azy ireo ny Korintiana. DH: "Diso ny fananganana vondrona mba hanarahana an'i Apolosy na i Paoly!"

### **Iza i Paoly**

Miresaka ny tenany toy ny hoe miresaka olon-kafa i Paoly. "Iza moa aho?" na DH: "Tsy manan-danja aho!"

### **Mpanompo izay tamin'ny alalany no ninoanareo**

Paoly ihany no namaly ny fanontaniany tamin'ny filazana fa izy sy Apolosy dia mpanompon'Andriamanitra. DH: "Paoly sy Apolosy dia mpanompon'i Kristy, ary ianareo nino an'i Kristy satria manompo Azy izahay"

### **ninoanareo, izay nomen'ny Tompo asa avy**

"nino. Izahay dia olona izay nomen'ny Tompo asa fotsiny ihany"

## 1 Corinthians 3:6

### **namboly**

Ny fahalalan'Andriamanitra dia oharina amin'ny voa izay tsy maintsy hambolena mba haniry.

### **nanondraka**

Toy ny voa mila rano, ny finoana dia mila fampianarana bebe kokoa mba hitomboany.

### **mampitombo**

Toy ny zava-maniry mitombo sy mivelatra, no hitomboan'ny finoana sy ny fahalalana ihany koa ao amin'Andriamanitra ka tonga lalina sy mafy orina.

### **na izy izay mamboly ... dia tsy misy dikany. Fa Andriamanitra no mampitombo**

Manantitrantitra i Paoly fa tsy izy na i Apolosy no tompon'andraikitra amin'ny fitomboana ara-panahin'ireo mpino, fa Andriamanitra no manao izany.

### **mampitombo**

Oharin'i Paoly amin'ny zavatra mivaingana izay azon'Andriamanitra omena ireo zava-maniry na ho an'ireo Korintiana ny fahafahana mitombo. "hahafahan'ireo zava-maniry mitombo" na "hahafahan'ireo Kristiana mahalala Azy tsara kokoa"

## 1 Corinthians 3:8

### **izy izay mamboly sy izy izay manondraka dia iray**

Oharin'i Paoly amin'ny hoe mamboly sy manondraka zava-maniry ny filazana vaovao mahafaly amin'ny olona sy ny fampianarana an'ireo izay nanaiky izany. Resahiny toy ny hoe manana asa mitovy izy ireo satria samy raisiny ho manan-danja.

### **ny karamany**

vola izay raisin'ny mpiasa tamin'ny asany

### **izahay**

Maneho an'i Paoly sy Apolosy fa tsy ny fiangonana Korintiana.

### **mpiara-miasa amin' Andriamanitra**

Paoly dia mihevitra ny tenany sy i Apolosy ho toy ny hoe miara-miasa.

### **sahan'Andriamanitra**

Andriamanitra dia mikarakara ireo mpino Korintiana, tahaka ny olona iray izay mikarakara zaridaina mba hahatonga izany hamokatra.

### **tranon'Andriamanitra**

Andriamanitra dia nanamboatra sy namorona ireo Korintiana mpino, toy ny olona iray izay manorina trano.

## 1 Corinthians 3:10

### **Araka ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy**

"Araka ny asa maimaimpoana izay nomen'Andriamanitra ahy ho ataoko"

### **nametraka ny fototra aho**

Paoly dia mampitovy ny fampianarana momba ny finoana sy ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy amin'ny fametrahana fototra ho an'ny trano iray.

### **ary hafa no manorina eo amboniny**

Paoly dia maneho ny olona na ireo olona izay mampianatra an'ireo Korintiana tamin'izany fotoana izany tahaka ny hoe izy ireo no mpandrafitra izay manorina ny trano eo ambonin'ny fototra.

### **aoka ny lehilahy tsirairay**

Izany dia entina hilazana ireo mpiasan'Andriamanitra amin'ny ankapobeny. DH: "'aoka ny olona tsirairay izay manompo an'Andriamanitra"

**tsy misy olona afaka mametraka fototra afa-tsy ilay iray izay napetraka**

DH: "efa nametraka ny fototra tokana izay afaka apetraky ny olona rehetra aho" na "Tsy misy olona afaka mametraka fototra ankoatra ny fototra izay napetrako, Paoly"

## 1 Corinthians 3:12

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Paoly dia miresaka momba izay ataon'ny mpanao trano matetika rehefa manangana trano mba hamaritana izay ataon'ireo mpampianatra any Korinto. Ireo mpanorina trano matetika dia mampiasa volamena, volafotsy, na vato sarobidy ho fandravahana ireo trano.

**Ankehitriny raha misy olona manorina eo ambonin'ny fototra amin'ny volamena, volafotsy, vato sarobidy, hazo, bozaka, na mololo**

Ireo fitaovana ampiasaina hananganana trano vaovao dia ampitahaina amin'ny soatoavina arapahy ampiasaina hanorenana ny fitondran-tenan'ny olona iray sy ireo asa ataony mandritra ny androm-piainany. DH: "na manorina miaraka amin'ny fitaovana sarobidy izay haharitra ny olona na miaraka amin'ny fitaovana mora izay mora mirehitra"

**vato sarobidy**

"vato lafo vidy"

**haseho ny asany**

DH: "Ho asehon'Andriamanitra amin'ny olona rehetra ny zava-bitan'ny mpanori-trano"

**fa ny andro mazava no haneho izany**

Ny "andro mazava" eto dia sarin-teny hilazana ny fotoana hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra. Rehefa hampiseho ny zava-bitan'ireo mpampianatra amin'ny olona rehetra Andriamanitra, dia ho toy ny masoandro izay vao miposaka mba hampiseho izay mitranga mandritra ny alina izany.

**Satria haseho amin'ny afo izany. Ny afo no hitsapana ny hatsaran'ny nataon'ny tsirairay**

Tahaka ny afo izay haneho ireo hery na handrodana ny fahalemen'ny trano, ny afon'Andriamanitra dia hitsara ny ezaka sy ny asa nataon'ny olona. DH: "Andriamanitra dia hampiasa afo mba hanehoana ny hatsaran'ny asany"

## 1 Corinthians 3:14

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe: "ilay olona," "izy" ary "izy tenany" dia maneho ireo mpino.

**mitoetra**

"maharitra" na "velona"

**fa raha may ny asan'ilay olona**

Azo atao hoe: "raha mandoro ny asan'ilay olona ilay afo" na "raha manimba ny asan'ilay olona ilay afo"

**dia ho fatiantoka izy, fa izy tenany dia ho vonjena**

Azo atao hoe: DH: "ho very ny asany sy ny valisoa mety ho azony tamin'io asa io raha tafavoaka velona tamin'ny afo izany asa izany, kanefa Andriamanitra hamonjy azy"

## 1 Corinthians 3:16

**Tsy fantatrarao ve fa ianareo dia tempolin' Andriamanitra ary ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao aminareo?**

Mibedy ireo Korintiana i Paoly. DH: "Ianareo dia manao toy ny hoe tsy fantatrarao fa tempolin'Andriamanitra ianareo ary ny Fanahin'Andriamanitra dia monina ao aminareo!"

## 1 Corinthians 3:18

**Aza avela hisy olona hamita-tena**

Tsy misy olona tokony hino lainga hoe izy dia hendry eto amin'izao tontolo izao.

**amin'izao vanim-potoana izao**

Araka ny fomba izay heverin'ny olona tsy mino ny atao hoe hendry.

**avelao izy ho lasa "adala"**

"tokony ho vonona ny ho antsoin'ny olona hoe adala izy"

**Nahatratra ny hendry tao amin'ny hafetsen'izy ireo Izy**  
Tratran'Andriamanitra ireo olona izay mihevi-tena ho mahay sy mampiasa ny teti-dratsiny mba hamandrika azy ihany.

**Ny Tompo dia mahalala fa ny fihevitra ny hendry dia zava-poana.**

"Ny Tompo mahalala fa ny zavatra eritreretin'ny olona izay mihevi-tena ho hendry dia zava-poana"

**zava-poana**

Tsy misy ilana azy

## 1 Corinthians 3:21

**ianareo dia an'i Kristy, ary Kristy dia an'Andriamanitra**  
"an'i Kristy ianareo, ary Kristy dia an'Andriamanitra"

## Chapter 4

<sup>1</sup> Toy izao no tokony handraisan'ny olona antsika, tahaka ny mpanompon'i Kristy ary mpitandrina ireo misterin'Andriamanitra. <sup>2</sup> Amin'izany fifandraisana izany, dia fepetra takiana amin'ireo mpitandrina ny maha-mendri-pitokiana azy ireo. <sup>3</sup> Fa amiko dia zavatra kely dia kely ny tokony hitsaranareo na hitsaran'olombelona rehetra ahy. Fa na izaho aza tsy mitsara ny tenako. <sup>4</sup> Izaho dia tsy mahafantatra izay fiampangana natao tamiko, fa izany dia tsy midika fa tsy manan-tsiny aho. Ny Tompo no mitsara ahy. <sup>5</sup> Noho izany, aza manonona fitsarana momban'ny zavatra rehetra mialohan'ny fotoana, mialohan'ny hiavian'ny Tompo. Izy dia hitondra ireo zava-miafin'ny haizina ho amin'ny fahazavana ary hampiseho ny fikasan'ny fo. Avy eo ny tsirairay avy dia handray ny fiderany avy amin'Andriamanitra. <sup>6</sup> Ankehitriny, ry rahalahy, nampihatra ireo fitsipika ireo tamiko sy tamin'i Apolosy aho nohon'ny aminareo, mba hafahanareo mianatra avy aminay ny dikan'ny fitenenana hoe: "Aza mandeha mihoatra izay voasoratra." Izany dia mba tsy hisy iray aminareo hirehareha ny amin'ny fankasitrahana ny anankiray noho ny hafa. <sup>7</sup> Fa iza no mahita fahasamihafana eo aminareo sy ireo hafa? Inona no anananareo ka tsy noraisinareo maimaimpoana? Raha nandray izany maimaimpoana ianareo, nahoana ianareo no mirehareha toy ny tsy nanao toy izany? <sup>8</sup> Efa anananareo daholo izay rehetra tadiavinareo! Efa lasa mpanankarena ianareo! Ary efa nanomboka nanjaka ianareo—ary izany dia tsy avy taminay! Izaho dia maniry tokoa ny nanjakanareo, mba hafahanay manjaka miaraka aminareo. <sup>9</sup> Fa izaho dia mieritreritra fa Andriamanitra dia nametraka antsika ho apostoly miharihary tahaka ny farany amin'ny laharana sy tahaka ny olona voaheloka ho faty. Izahay dia lasa fampisehoana ho an'izao tontolo izao—ho an'ireo anjely, ary ny ho an'ny olombelona. <sup>10</sup> Izahay dia adala nohon'ny amin'i Kristy, fa ianareo dia hendry ao amin'i Kristy. Malemy izahay, fa ianareo mahery. Ianareo dia nomem-boninahitra, fa izahay kosa tsy nalaim-baraka. <sup>11</sup> Mandrak'ankehitriny izahay dia noana sy mangetaheta, mahantra fitafy, voakapoka mafy, ary tsy manan-kialofana. <sup>12</sup> Miasa mafy izahay, miasa amin'ny alalan'ny tananay ihany. Rehefa latsaina izahay, dia miaritra. <sup>13</sup> Rehefa henjehina izahay, dia mitso-drano. Rehefa voaendrikendrika izahay, dia miteny amin-katsaram-panahy. Izahay dia niova, ary mbola raisina ho, fakon'izao tontolo izao sy faikan'ny zavatra rehetra. <sup>14</sup> Izaho dia tsy nanoratra ireo zavatra ireo mba hahamenatra anareo, fa manitsy anareo toy ny zanaka malalako. <sup>15</sup> Fa na dia manana mpiambina iray alina ao amin'i Kristy aza ianareo, dia tsy manana ray maro be. Fa izaho dia lasa rainareo ao amin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny filazantsara. <sup>16</sup> Noho izany dia mamporisika anareo aho mba ho mpaka-tahaka ahy. <sup>17</sup> Izany no nandefasako anareo an'i Timoty, zanaka malalako sady mahatoky ao amin'ny Tompo. Izy dia hampatsiahy anareo ireo lalako ao amin'i Kristy, tahaka ny ampianarako azy ireo na aiza na aiza sy ao amin'ny fiangonana rehetra. <sup>18</sup> Ankehitriny dia lasa miavona ny sasany aminareo, manao toy ny hoe tsy ho avy any aminareo aho. <sup>19</sup> Fa ho avy tsy ho ela any aminareo aho, raha sitraky ny Tompo. Ary tsy mahafantatra ny resak'ireo izay tena miavona fotsiny aho, fa hahita ny herin'izy ireo. <sup>20</sup> Satria ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy mifototra amin'ny resaka fa amin'ny hery. <sup>21</sup> Inona no tadiavinareo? Tokony ho avy any aminareo miaraka amin'ny tsorakazo ve aho sa miaraka amin'ny fitiavana feno halemem-panahy?

### 1 Corinthians 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Rehefa avy nampatsiahy ny olona mba tsy hirehareha ny amin'izay nampianatra azy ireo ny mahakasika ny Tompo sy izay nanao batisa azy ireo, i Paoly dia nampatsiahy ireo mpino Korintiana fa ireo mpino rehetra dia tokony ho mpanompo manetri-tena.

#### Amin'izany fifandraisana izany

"Satria isika no mpitandrina azy ireo"

#### dia fepetra takiana amin'ireo mpitandrina ny maha-mendri-pitokiana azy ireo

Paoly dia miresaka ny tenany toy ny hoe miresaka olon-kafa. DH: "Isika dia ilaina mba"

### 1 Corinthians 4:3

#### dia zavatra kely dia kely no tokony hitsaranareo ... ahy

Paoly dia mampitaha ny fahasamihafana eo amin'ny fitsaran'ny olona sy ny fitsaran'Andriamanitra. Ny fitsaran'ny olona dia tsy manan-danja raha ampitahaina amin'ny fitsarana marin'Andriamanitra amin'ny olombelona.

#### Izaho dia tsy mahafantatra izay fiampangana natao tamiko

"Tsy naheno olona nanendrikendrika ahy ho nanao ny tsy nety aho"

#### izany dia tsy midika fa tsy manan-tsiny aho. Ny Tompo no mitsara ahy

"Ny tsy fahampian'ny fiampangana dia tsy manaporofa fa tsy manan-tsiny aho. Ny Tompo no mahalala raha tsy manan-tsiny aho na meloka"

**1 Corinthians 4:5**

**Noho izany aza manonona fitsarana**

Satria Andriamanitra no hitsara rehefa tonga Izy, dia tsy tokony hitsara isika.

**hitondra ireo zava-miafin'ny haizina ho amin'ny fahazavana ary hampiseho ny fikasan'ny fo**  
Andriamanitra dia hampahafantatra ny eritreritry ny olona sy ny fikasany. Tsy misy na inona na inona hiafina eo anatrehan'Andriamanitra.

**ny fo**  
"ny fon'ny olona"

**1 Corinthians 4:6**

**ry rahalahy**

Eto izany dia midika hoe: namana Kristiana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

**nohon'ny aminareo**  
"mba hahasoa anareo"

**eo aminao ... anananao ka tsy noraisinao ... noraisinao maimaimpoana ... ianao no mirehareha ... toy ny tsy nanao toy izany**

Paoly dia miresaka ireo Kristiana toy ny hoe olona iray ihany, noho izany dia: "iana" no ampiasaina eto.

**Fa iza no mahita fahasamihafana eo aminao sy ireo hafa?**

Mibedy ireo Korintiana izay mihevitra ho tsara noho ireo izay nandre ny filazantsara avy amin'ny olon-kafa i Paoly. DH: "Tsy ambony noho ny olona hafa ianao"

**Inona no anananao ka tsy noraisinao maimaimpoana?**

Paoly dia manamafy fa Andriamanitra no nanome azy ireo izay hananan'izy ireo maimaimpoana. DH: "Andriamanitra nanome anareo ny zavatra rehetra izay azonareo maimaimpoana"

**nahoana ianao no mirehareha toy ny tsy nanao toy izany?**

Paoly dia mibedy azy ireo noho ny fireharehana ny amin'izay azon'izy ireo. DH: "Tsy manana zo hirehareha ianao" na "Aza mirehareha akory"

**1 Corinthians 4:8**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Manao fanesoana i Paoly eto mba hahamenatra ireo Korintiana ary hampahafantatra azy ireo fa manota izy ireo rehefa mirehareha amin'ny tenan'izy ireo sy ireo mpampianatr'izy ireo.

**Andriamanitra dia nametraka antsika ho apostoly miharihary**

Maneho fomba roa izay nametrahan'Andriamanitra miharihary ireo apostoliny eo amin'izao tontolo izao i Paoly.

**nametraka antsika ... miharihary**

Nampiharihary ireo apostoly tahaka ireo voafonja any amin'ny faran'ny matson'ny miaramila Romana Andriamanitra, izay nalaina baraka talohan'ny namonoana azy ireo.

**tahaka ny olona voaheloka ho faty**

Andriamanitra nampiharihary ireo apostoly tahaka ireo olona izay efa ho vonoina.

**ho an'izao tontolo izao—ho an'ireo anjely, ary ny ho an'ny olombelona**

Ireo mety ho dikan'izany: 1) "izao tontolo izao" dia ahitana ny mihoatra ny voajanahary ('ireo anjely') sy ny voajanahary ("ny olombelona") na 2) "ho an'izao tontolo izao, ireo anjely, ary ho an'ny olombelona."

**1 Corinthians 4:10**

**Izahay dia adala ... nalaim-baraka**

Mampiasa fanesoana i Paoly mba hahamenatra ireo Korintiana mba hiheveran'izy ireo izay lazainy.

**Ianareo dia nomem-boninahitra**

"Ny olona dia mitondra anareo Korintiana toy ny hoe olona manan-danja"

**fa izahay kosa nalaim-baraka**

"manala baraka anay apostoly ny olona"

**Mandrak'ankehitriny**

"Hatramin'izao"

**voakapoka mafy**

Izany dia hilazana ny famelezana amin'ny tanana, fa tsy amin'ny karavasy na langilangy. Azo adika hoe: "Kapohin'ny olona izahay"

**tsy manan-kialofana**

Ny tian'i Paoly ho lazaina dia hoe: manana toerana hialofana izy ireo, nefa izy ireo dia mifindrafindra amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray hafa. Tsy manana trano fonenana manokana izy ireo.

**1 Corinthians 4:12**

**Rehefa latsaina izahay, dia mitahy**

"Rehefa misy olona mandatsa anay, dia mitso-drano azy ireo izahay" na "Rehefa misy olona manala baraka anay, dia mitso-drano azy ireo izahay"

**Rehafa henjehina izahay**

"Rehefa misy olona manenjika anay"

**Rehefa voaendrikendrika izahay**

"Rehefa misy olona manendrikendrika anay"

**Izahay dia niova, ary mbola raisina ho, fako**

"Nanomboka nihevitra antsika-ary mbola mihevitra antsika-ho fako hatrany ny olona"

**1 Corinthians 4:14**

**Izaho dia tsy nanoratra ireo zavatra ireo mba hahamenatra anareo, fa manitsy anareo**

"Tsy mitady ny hahamenatra anareo aho, fa hanatsara anareo" na "Tsy manao izay hahamenatra anareo aho, fa te-hanitsy anareo"

**manitsy**

"mampitandrina"

**mpiambina iray alina**

Fanitarana ny isan'ny olona izay mitarika azy ireo izany, mba hanamafisana ny lanjan'ilay ray arapanahy iray. DH: "Tena mpiambina maro be" na "mpiambina maro dia maro"

**zanaka ... ray**

Satria Paoly no nitondra azy ireo ho an'i Kristy, dia toy ny ray ho an'ireo Korintiana izy.

**Fa izaho dia lasa rainareo ao amin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny filazantsara**

Voalohany i Paoly dia manamafy fa ny fifandraisana miaraka amin'ireo Korintiana no tena manan-danja indrindra "ao amin'i Kristy," faharoa dia ny fahatongavan'izany satria nilazany vaovao mahafaly izy ireo, ary fahatelo dia izy ilay iray izay toy ny ray ho azy ireo. "Izany dia satria Andriamanitra nampiombona anareo tamin'i Kristy rehefa nilaza anareo ny vaovao mahafaly aho fa Izaho ilay iray izay tonga rainareo"

**1 Corinthians 4:17**

**zanaka malalako sady mahatoky ao amin'ny Tompo**

"izay tiako ary izay ampianariko ny momba ny Tompo toy ny hoe zanako izy"

**Ankehitriny**

Izany teny izany dia midika fa manova ny lohaheviny Paoly mba ho fibedesana ny fitondran-tena mahamenatr'ireo mpino Korintiana.

**1 Corinthians 4:19**

**ho avy any aminareo aho**

"Hamangy anareo aho"

**Inona no tadiavinareo?**

Nanao antso farany ho an'ireo Korintiana Paoly, satria nibedy azy ireo noho ny fahadisoana nataon'izy ireo izy. DH: "Lazao ahy izay tianareo hiseho izao"

**Tokony ho avy any aminareo miaraka amin'ny tsorakazo ve aho sa miaraka amin'ny fitiavana feno halemem-panahy**

Paoly dia manolotra toetra roa mifanohitra izay azony ampiasaina rehefa manatona ireo Korintiana. DH: "Raha tianareo, dia afaka tonga hanasazy anareo aho, na afaka tonga hampiseho aminareo ny fitiavako anareo amin'ny alalan'ny halemem-panahy"

**halemem-panahy**

"hatsaram-panahy" na "fahatsoram-po"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Izahay dia nahare tatitra fa misy fijangajangana eo aminareo, karazana fitondran-tena tsy mendrika izay tsy azo atao akory eo amin'ireo Jentilisa. Ny tatitra dia hoe misy iray aminareo miara-matory amin'ny vadin-drainy. <sup>2</sup> Ianareo dia tena miavonavona! Fa tsy tokony alahelo ve ianareo? Ny iray izay nanao izany dia tsy maintsy alàna eto aminareo. <sup>3</sup> Fa na dia tsy eo ara-batana aza aho fa mbola eo ara-panahy, dia efa nitsara ilay iray izay nanao izany sahady, toy ny hoe teo aho. <sup>4</sup> Rehefa miara-mivory amin'ny anaran'i Jesosy Tompontosika ianareo, ary ny fanahiko dia eo koa amin'ny herin'i Jesosy Tompontosika, dia efa nitsara io olona io sahady aho. <sup>5</sup> Nataoko izany mba hanolorana izany lehilahy izany ho an'ny Satana ho famotehana ny nofo, mba ho voavonjy ny fanahiny amin'ny andron'ny Tompo. <sup>6</sup> Tsy tsara ny fireharehanareo! Tsy fantatrareo ve fa ny lalivay kely dia manova ny mofo manontolo? <sup>7</sup> Diovy ny tenanareo amin'ny lalivay taloha mba ho tonga mofo vaovao ianareo, ka mba ho tonga mofo tsy misy lalivay. Fa Kristy, ilay Zanak'ondrintsika tamin'ny Paska, dia natao sorona. <sup>8</sup> Noho izany dia aoka isika hankalaza ny firavoravoana, tsy amin'ny lalivay taloha, ilay lalivain'ny fitondran-tena ratsy sy faharatsiana. Fa kosa, aoka isika hankalaza amin'ny mofo tsy misy lalivain'ny fahadiavam-po sy fahamarinana. <sup>9</sup> Izaho dia nanoratra ho anareo tao amin'ny taratasiko mba tsy hiarahanareo miasa amin'ireo olona mpijangajanga. <sup>10</sup> Kanefa ny tiako ambara dia tsy ny olona mpijanganjaga rehetra eto amin'izao tontolo izao, na ireo tsy mahonon-tena, na ireo mpisoloky, na ireo mpanompo sampy, satria mba hialana amin'izy ireo dia mila miala amin'izao tontolo izao ianareo. <sup>11</sup> Nefa ankehitriny aho manoratra ho anareo mba tsy hiara-hiasa miaraka amin'iza na iza izay antsoina hoe rahalahy nefa miaina ao anatin'ny fijangajangana, na izay tsy mahonon-tena, na mpanompo sampy, na mpiteny ratsy, na mpimamo, na mpisoloky. Aza mihinana sakafo miaraka amin'ny olona toy izany akory. <sup>12</sup> Fa ahoana no idirako amin'ny fitsarana ireo izay any ivelan'ny fiangonana? Mifanohitra amin'izany, ianareo ve tsy tokony hitsara ireo izay ao anatin'ny fiangonana? <sup>13</sup> Fa Andriamanitra dia mitsara ireo izay any ivelany. "Esory eo aminareo ny olon-dratsy."

### 1 Corinthians 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ankehitriny i Paoly dia manambara manokana momba ny fahotan'izy ireo izay reny, sy ny fomba hireharehan'ireo mpino Korintiana amin'ny faneken'izy ireo izany lehilahy izany ary ny fahotany.

#### izay tsy azo atao akory eo amin'ireo Jentilisa

Afaka atao hoe: "fa na ireo Jentilisa aza tsy mahazo alalana"

#### ny vadin-drainy

ny vadin'ny rainy, nefa mety tsy ho tena reniny

#### Fa tsy tokony alahelo ve ianareo?

Izany fanontaniana fampisainana izany dia ampiasaina mba hananarana ireo Korintiana. DH: "Tokony hisaona noho ny amin'izany kosa ianareo!"

#### Ny iray izay nanao izany dia tsy maintsy alàna eto aminareo

Azo adika hoe: "Tsy maintsy esorina eo aminareo ilay iray izay nanao izany"

### 1 Corinthians 5:3

#### tsy eo ara-batana aho ... fa eo ara-panahy

"Izaho dia ... mieritreritra anareo hatrany"

efa nitsara ilay iray izay nanao izany sahady ... aho  
"hitako fa meloka ilay olona izay nanao izany"

#### miara-mivory

"mihaona"

#### amin'ny anaran'i Jesosy Tompontosika

fomba fiteny iray hilazana ny fahatongavana hiara-hanompo ny Tompo Jesosy

#### Nataoko izany

"Nitsara izany olona izany aho"

#### mba hanolorana izany lehilahy izany ho an'ny Satana

Izany dia hilazana ny fanalana ilay olona avy amin'ny olon'Andriamanitra, mba hiainany any amin'ny fanjakan'i Satana, ilay tontolo ivelan'ny fiangonana.

#### ho famotehana ny nofo

mba harary ara-batana noho ny otany amin'ny famaizan'Andriamanitra azy ilay olona

### 1 Corinthians 5:6

#### Tsy tsara ny fireharehanareo

"Ratsy ny fireharehanareo"

**Tsy fantatrareo ve fa ny lalivay kely dia manova ny mofo manontolo?**

Tahaka ny fiparitahan'ny lalivay kely amin'ny mofo manontolo, no fiantraikan'ny fahotana kely eo amin'ny fiaraha-monin'ny mpino rehetra.

**Kristy, ilay Zanak'ondrintsika tamin'ny Paska, dia natao sorona**

Tahaka ny fandrakofan'ny zanak'ondrin'ny Paska amin'ny finoana isan-taona ny fahotan'Israely, no nandrakofan'ny fahafatesan'i Kristy mandrakizay ihany koa ny fahotan'izay rehetra matoky Azy amin'ny finoana. DH: "Nataon'ny Tompo sorona i Kristy, ilay zanak'ondrin'ny Paska ho antsika"

## 1 Corinthians 5:9

**olona mpijangajanga**

Izany dia maneho ireo olona izay milaza ho mpino an'i Kristy kanefa manana toetra toy izany.

**ny olona mpijangajangan'izao tontolo izao**

Ireo olona izay nisafidy ny hiaina amin'ny fomba fiainana maloto, dia ireo tsy mpino.

**ireo tsy mahonon-tena**

"ireo izay vonona hanao ny tsy marina mba hahazoana izay hananan'ny hafa"

**ireo mpisoloky**

Izany dia hilazana ny olona izay mamitaka mba hahazoana ny fananan'ny hafa.

**mila miala amin'izao tontolo izao ianareo**

"mila miala amin'ny olon-drehetra ianareo"

## 1 Corinthians 5:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia milaza amin'izy ireo ny fomba handraisana ireo mpino tsy manaiky ny hotsaraina ao am-piangonana noho ny fidiran'izy ireo antsehatra amin'ny fijangajangana sy ny fahotana miharihary hafa eo anatrehan'ny hafa.

**na iza na iza izay antsoina hoe**

"na iza na iza miantso ny tenany"

**rahalahy**

Eto izany dia midika hoe namana Kristiana, na lahy na vavy.

**Fa ahoana no idirako amin'ny fitsarana ireo izay any ivelan'ny fiangonana?**

Paoly dia manamafy fa izy dia tsy ilay iray izay tokony hitsara ireo olona ivelan'ny fiangonana. DH: "Tsy izaho ilay iray izay tokony hitsara ireo olona izay tsy isan'ny fiangonana"

**ianareo ve tsy tokony hitsara ireo izay ao anatin'ny fiangonana?**

Mananatra ireo Korintiana i Paoly. "tokony hahalala ianareo fa ianareo ireo no tokony hitsara ireo izay ao anatin'ny fiangonana"



## Chapter 6

<sup>1</sup> Rehefa misy iray aminareo manana ady amin'iray hafa, sahy handeha any amin'ny fitsarana eo anatrehan'ny mpitsara tsy mpino ve izy, fa tsy eo anatrehan'ireo mpino? <sup>2</sup> Moa tsy fantatrareo ve fa ireo mpino no hitsara an'izao tontolo izao? Raha izany, ianareo no hitsara an'izao tontolo izao, moa tsy mahavita mandamina raharaha madinika ve ianareo? <sup>3</sup> Moa tsy fantatrareo ve fa hitsara ireo anjely isika? Toy ny ahoana, noho izany, ny fihorian'ny fahafahantsika mitsara ireo raharaha amin'ity fiainana ity? <sup>4</sup> Raha toa ary ka afaka mitsara ny zavatra izay miseho amin'ny andavanandrom-piainana ianao, nahoana ianao no mametraka karazana tranga tahaka izany eo anatrehan'ireo izay tsinontsinona ao amin'ny fiangonana? <sup>5</sup> Hahamenatra anareo no hilazako izany. Moa ve tsy mba misy ampy fahendrena na dia iray akory aza eo aminareo handamina ny disadisa eo amin'ny mpirahalany? <sup>6</sup> Fa kosa, misy mpino iray mandeha mifanatrika amin'ny mpino hafa eo amin'ny fitsarana, ary izany raharaha izany dia hapetraka eo anatrehan'ny mpitsara izay tsy mpino! <sup>7</sup> Ny fisian'ny ady eo aminareo Kristiana rehetra dia efa faharesena ho anareo sahady. Fa tsy aleo ve mijaly amin'ny fahadisoana? Fa tsy aleo ve avela ho voafitaka ny tenanareo? <sup>8</sup> Fa ianareo dia nandiso sy namitaka ireo hafa, ary dia rahalahinareo ihany izy ireo! <sup>9</sup> Moa ve tsy fantatrareo fa ny tsy marina dia tsy handova ny Fanjakan'Andriamanitra? Aza mino lainga. Ireo vetaveta, ireo mpanompo sampy, ireo mpijangajanga, ireo lehilahy mpivaro-tena, ireo izay miara-mandry amin'ny samy lehilahy, <sup>10</sup> ireo mpangalatra, ireo tsy mahalala onona, ireo mpimamo, ireo mpanaratsy, ireo mpanao an-keriny—tsy misy iray amin'izy ireo handova ny fanjakan'Andriamanitra. <sup>11</sup> Toy izany ny sasany aminareo. Fa efa voadio ianareo, nohamasinina ianareo, ary voamarina teo amin'Andriamanitra ianareo tamin'ny anaran'ny Tompo Jesosy Kristy sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika. <sup>12</sup> "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko," fa tsy ny zavatra rehetra no mahaso. "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko," fa tsy ho andevozin'ny iray amin'ireo aho. <sup>13</sup> "Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo natao ho an'ny hanina," fa Andriamanitra dia hanafoana azy roa ireo. Ny vatana dia tsy natao ho an'ny fijangajangana. Fa kosa, ny vatana dia natao ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia hanome ho an'ny vatana. <sup>14</sup> Andriamanitra dia efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika amin'ny heriny koa. <sup>15</sup> Moa tsy fantatrareo ve fa ny tenanareo dia rantsam-batan'i Kristy? Ka ho entiko ve izany ireo rantsam-batan'i Kristy ary hampiray azy ireo amin'ny mpivaro-tena? Tsy hisy anie izany! <sup>16</sup> Moa tsy fantatrareo ve fa izay miray amin'ny mpivaro-tena dia lasa nofo iray aminy? Tahaka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: "Ho nofo iray ihany izy roa." <sup>17</sup> Fa izy izay miray amin'ny Tompo dia lasa fanahy iray Aminy. <sup>18</sup> Hialao ny fijangajangana! Ny fahotana rehetra hafa izay ataon'ny olona dia ivelan'ny tena, fa ny olona mpijangajanga dia manota ho amin'ny tenany ihany. <sup>19</sup> Moa ve tsy fantatrareo fa ny vatanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, izay monina ao anatinareo, izay azonareo avy amin'Andriamanitra? Moa tsy fantatrareo ve fa tsy anareo ny tenanareo? <sup>20</sup> Fa olom-boavidy ianareo. Noho izany dia mankalazà an' Andriamanitra amin'ny tenanareo. <sup>[1]</sup>

### Footnotes

6:20 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dika-teny taloha sasany dia mivaky toy izao hoe: "Noho izany mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo sy amin'ny fanahinareo, izay an' Andriamanitra." Fa ny dika-teny tsara indrindra dia tsy mivaky toa an'io.

### 1 Corinthians 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manazava ny fomba handaminana ny tsy fifanarahana amin'ireo mpino hafa i Paoly.

#### ady

"tsy fifanarahana" na "ady hevitra"

#### sahy handeha any amin'ny fitsarana ... ireo mpino ... ve izy?

Manamafy i Paoly fa ireo Kristiana dia tsy maintsy mandamina ny tsy fifanarahana. DH: "Tsy tokony ho sahy handeha izy ... ireo mpino!" na "tokony

hatahotra an'Andriamanitra izy ary tsy handeha ... ireo mpino!"

#### fitsarana

toerana izay handinihan'ny mpitsaran'ny governemanta eo an-toerana ny toe-javatra iray ary hanapahany hoe iza no marina

#### Moa tsy fantatrareo ve fa ireo mpino no hitsara an'izao tontolo izao?

Manao izay hahamenatra ireo Korintiana i Paoly noho ny fanaovan'izy ireo fihetsika tsy am-piheverana.

**Raha izany, ianareo no hitsara an'izao tontolo izao, moa tsy mahavita mandamina raharaha madinika ve ianareo?**  
Satria izy ireo dia homena andraikitra lehibe kokoa any aoriana any, dia tokony ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra maivamaivana izy ireo ankehitriny.  
DH: "Hitsara an'izao tontolo izao ianareo amin'ny ho avy, ka tokony ho afaka hamaha izany olana izany ianareo izao"

#### **raharaha**

"disadisa" na "tsy fitovian-kevitra"

#### **Moa tsy fantatrarao ve fa hitsara ireo anjely isika?**

Gaga i Paoly fa toa tsy mahafantatra izy ireo.  
"Fantatrarao fa hitsara an'ireo anjely isika"

#### **isika**

Mampiditra ny tenany sy ireo Korintiana ao anatin'izany i Paoly.

#### **Toy ny ahoana, noho izany, ny fihoranan'ny fahafahantsika mitsara ireo raharaha amin'ity fiainana ity?**

"Satria fantatsika fa hitsara ireo anjely isika, afaka matoky isika fa hamela antsika hitsara ny zava-misy eto amin'ity fiainana ity Andriamanitra"

### **1 Corinthians 6:4**

**Raha toa ary ka afaka mitsara ny zavatra izay miseho amin'ny andavanandrom-piainana ianao, nahoana ianao no mametraka karazana tranga tahaka izany eo anatrehan'ireo izay tsinontsinona ao amin'ny fiangonana?**

Ireo mety ho dikany: 1) fanontaniana fampisainana io na 2) fanambarana io: "Tamin'ny taloha rehefa nandamina raharaha izay manan-danja amin'ity fiainana ity ianareo, dia tsy nanolotra ady eo amin'ny Kristiana ho eo amin'ny tsy mpino ianareo" na 3) "didy io, "Rehefa mandamina raharaha izay manan-danja amin'ity fiainana ity ianareo, na izay tsinontsinona ao am-piangonana ihany koa aza dia tokony hanoloranareo ny ady mila halamina!"

**Raha toa ary ka afaka mitsara ny zavatra izay miseho amin'ny andavanandrom-piainana ianao**

"Raha toa ianareo ka voaantso handray fanapahan-kevitra momba ny fiainana andavanandro" na "Raha toa ka tsy maintsy mandamina raharaha manan-danja eo amin'ny fiainana ianareo"

**nahoana ianao no mametraka karazana tranga tahaka izany**

"Tsy tokony hametraka karazana tranga tahaka izany ianareo"

#### **ireo izay tsinontsinona ao amin'ny fiangonana**

Paoly dia mibedy ireo Korintiana ny amin'ny fomba fahian'izy ireo ireo toe-javatra ireo. Ireo mety ho dikany: 1) "tokony hatsahatrarao ny fanolorana toe-javatra tahaka izany eo amin'ny olona izay any ivelan'ny fiangonana" na 2) "afaka manolotra ireo tranga ireo na dia amin'ireo vondrona ao amin'ny fiangonana izay tsy dia heverin'ireo mpino hafa ho tsara aza ianareo."

#### **Hahamenatra anareo**

"ho amin'ny fahafaham-barakanareo" na "hampisehoana aminareo fa diso ianareo amin'izany resaka izany"

#### **Moa ve tsy mba misy ampy fahendrena na dia iray akory aza eo aminareo handamina ny disadisa eo amin'ny mpirahalaha?**

Manao izay hahamenatra ireo Korintiana i Paoly.

DH: "Tokony ho menatra ianareo nohon'ny tsy fahafahanareo mahita mpino manam-pahendrena handamina ady eo amin'ireo mpino"

#### **mpirahalaha**

Eto izany dia entina hilazana an'ireo namana Kristiana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

#### **disadisa**

"ady hevitra" na "tsy fitovian-kevitra"

#### **Fa kosa**

"Fa ankehitriny"

**mpino iray mandeha mifanatrika amin'ny mpino hafa eo amin'ny fitsarana, ary izany raharaha izany dia hapetraka eo anatrehan'ny mpitsara izay tsy mpino**  
"ireo mpino izay manana ady amin'ny tsirairay dia mangataka ny mpitsara tsy mpino mba handray fanapahan-kevitra ho azy ireo"

#### **izany raharaha izany dia hapetraka**

"izany raharaha izany dia apetraky ny mpino iray"

### **1 Corinthians 6:7**

#### **faharesena**

"tsy fahombiazana" na "fatiantoka"

#### **Fa tsy aleo ve mijaly amin'ny fahadisoana? Fa tsy aleo ve avela ho voafitaka ny tenanareo?**

Manohy manao izay mahamenatra an'ireo Korintiana i Paoly. DH: "Ho tsara kokoa raha mamela ny sasany hanaratsy anareo sy hamitaka anareo ianareo toy izay hitondra azy ireo any amin'ny fitsarana."

#### **rahalahinareo ihany**

Ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy dia mpirahalaha sy mpirahavavy. "Ireo mpino namanareo ihany"

### **1 Corinthians 6:9**

#### **Moa ve tsy fantatrarao fa**

Manamafy i Paoly fa izy ireo dia tokony hahalala ny fahamarinana. DH: "Efa fantatrarao fa"

#### **handova**

Ny fandraisana izay efa nampanantenain'Andriamanitra ho an'ireo mpino dia atao toy ny hoe mandova fananana sy harena avy amin'ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana.

**handova ny fanjakan'Andriamanitra**

Andriamanitra dia tsy hitsara azy ireo ho marina any amin'ny fitsarana, ary tsy hiditra any amin'ny fiainana mandrakizay izy ireo.

**ireo lehilahy mpivaro-tena, ireo izay miara-mandry amin'ny samy lehilahy**

Ireo mety ho dikany: 1) hilazana ny resaka fiarahan'ny lahy samy lahy izany na 2) milaza asa roa samy hafa i Paoly.

**ireo lehilahy mpivaro-tena**

Ireo mety ho dikany: 1) Ireo lehilahy izay mamela lehilahy hafa handry miaraka amin'izy ireo na 2) ireo lehilahy izay mamela lehilahy hiviidy azy ireo mba handry miaraka amin'izy ireo na 3) ireo lehilahy izay mamela lehilahy hafa handry miaraka amin'izy ireo ho toy ny asam-pivavahana.

**ireo izay miara-mandry amin'ny samy lehilahy**

ireo lehilahy izay miara-mandry amin'ny lehilahy iray hafa

**mpangalatra**

"ireo olona mangalatra amin'ny hafa" na "ireo mpandroba"

**ireo tsy mahalala onona**

ireo olona vonona ny hampiasa fomba ratsy mba hakana ny fananan'ny hafa

**ireo mpanao an-keriny**

"mpangalatra" na "ireo izay mangalatra amin'ny olona izay matoky azy ireo"

**Fa efa voadio ianareo**

DH: "Efa nanadio anareo Andriamanitra"

**nohamasinina ianareo**

DH: "Efa natokan'Andriamanitra ho Azy ianareo"

**voamarina teo amin'Andriamanitra ianareo**

DH: "Efa nanao anareo ho marina miaraka Aminy Andriamanitra"

**1 Corinthians 6:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy an'ireo mpino Korintiana i Paoly fa tian'Andriamanitra hadio izy ireo satria novidian'i Kristy tamin'ny fahafatesany. Ankehitriny ny vatan'izy ireo dia tempolin'Andriamanitra.

**Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko**

Ireo mety ho dikany: 1) Mamaly izay mety ho eritreritry ny Korintiana sasany i Paoly, "Ny sasany milaza hoe: "Afaka manao na inona na inona aho" na 2) Milaza izay heveriny fa marina i Paoly: "Andriamanitra mamela ahy hanao na inona na inona."

**fa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa**

Paoly dia mamaly izay rehetra miteny hoe: "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko." DH: "fa tsy ny zavatra rehetra no tsara ho ahy"

**fa tsy ho andevozin'ny iray amin'ireo aho**

Azo adika hoe: "Tsy hamela an' ireo zavatra ireo hibaiko ahy tahaka ny Tompo aho"

**"Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo natao ho an'ny hanina," fa Andriamanitra dia hanafoana azy roa ireo**

Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia manitsy ny mety ho eritreritry ireo Korintiana sasany hoe: "Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo dia an'ny hanina," amin'ny alalan'ny famaliana fa samy hataon'Andriamanitra ho foana ny kibo sy ny hanina na 2) Paoly dia manaiiky ankehitriny fa "ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo dia an'ny hanina," saingy mbola nanampy izy fa hanafoana ireo roa ireo Andriamanitra.

**Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo natao ho an'ny hanina**

Ny mety ho dikany iray dia hoe: miresaka amin' ny fomba tsy mivantana momba ny vatana sy ny firaisana ara-nofy ny mpandahan-teny, saingy tokony adikanao ara-bakiteny hoe: "kibo" sy ny "hanina" ireo.

**hanafoana**

"hamotika"

**1 Corinthians 6:14****nanangana ny Tompo**

nahatonga an' i Jesosy ho velona indray

**Moa tsy fantatrareo ve fa ny tenanareo dia rantsam-batan'i Kristy?**

Tahaka ny maha-rantsan'ny vatantsika ny sandritsika sy ireo tongotsika, no maha-rantsam-batan' i Kristy ny vatantsika, ilay fiangonana. DH: "Ny vatanareo dia ampahan' i Kristy"

**Ka ho entiko ve izany ireo rantsam-batan'i Kristy ary hampiray azy ireo amin'ny mpivaro-tena?**

Paoly dia mampiasa ny tenany ho ohatra mba hampianarana azy ireo. DH: "Izaho dia ampahan'i Kristy. Tsy hanala ny tenako amin' i Kristy aho ary hampiray izany amin'ny mpivaro-tena!" na "Rantsam-batan'i Kristy isika. Tsy tokony hanala ny tenantsika amin'i Kristy isika ka hampiray izany amin'ny mpivaro-tena!"

**Tsy hisy anie izany!**

"Tsy tokony hitranga mihitsy izany!"

**1 Corinthians 6:16****Moa tsy fantatrareo ve fa ... aminy?**

Manomboka mampianatra an'ireo Korintiana amin'ny fanamafisana ny marina izay efa fantatr'izy

ireo i Paoly. "Te-hampatsiahy anareo aho fa ... aminy."

**izay miray amin'ny mpivaro-tena dia lasa nofo iray aminy**  
Azo atao hoe: "Rehefa misy olona iray mampiray ny tenany amin'ny mpivaro-tena, dia toy ny hoe lasa iray ihany ny tenan'izy ireo"

**Fa izy izay miray amin'ny Tompo dia lasa fanahy iray Aminy**

Azo adika hoe: "rehefa akamban'ny Tompo amin'ny fanahin'ny olona ny fanahiny, dia toy ny lasa fanahy iray ny fanahin'izy ireo"

### 1 Corinthians 6:18

**Hialao**

Resahin' i Paoly toy ny hoe mandositra ny loza ny olona izay mandà ny fahotana ara-nofa. DH: "Mialà amin'ny"

**ny fijangajangana! Ny fahotana hafa rehetra izay ataon'ny olona dia ivelan'ny tena, fa**

Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia mampiseho fa ny fahotana ara-nofa dia tena ratsy satria izany dia tsy amin'ny hafa ihany no mihatra fa mihatra amin'ny tenan'ilay mpanota ihany koa na 2) Paoly dia nitanisa izay noheverin'ireo Korintiana, tahaka ny nataony tao amin'ny 6:12 "Fitondran-tena maloto! Ny sasany aminareo dia milaza hoe: "Ny fahotana

rehetra izay ataon'ny olona iray dia ivelan'ny tena," nefa lazaiko fa."

### 1 Corinthians 6:19

**Moa ve tsy fantatrareo fa ... Andriamanitra? ... tsy anareo ny tenanareo?**

Manohy ny fampianarany amin'ireo Korintiana amin'ny fanamafisana izay efa fantatr'izy ireo i Paoly. DH: "Te-hampatsiahy anareo aho ... Andriamanitra ary ianareo dia tsy fanananareo."

**ny vatanareo**

ny vatan'ny kristiana tsirairay dia tempolin'ny Fanahy Masina

**tempolin'ny Fanahy Masina**

Ny tempoly dia natokana ho an'ireo olon'Andriamanitra, ary ao amin'izany ihany koa no hitoeran'izy ireo. Tahaka izany ihany koa, ny vatan'ireo mpino Korintiana tsirairay dia toy ny tempoly satria ny Fanahy Masina dia ao anatin'ny.

**Fa olom-boavidy ianareo**

Andriamanitra dia nanonitra ny fahafahanareo Korintiana tamin'ny fanandevozan'ny fahotana. Azo adika hoe: "Andriamanitra nivity ny fahafahanareo"

**Noho izany**

"Satria marina izany"

## Chapter 7

<sup>1</sup> Ary mahakasika ireo olana izay nosoratanareo momban'ny hoe: "Tsara ho an'ny lehilahy ny tsy mikasika vehivavy." <sup>2</sup> Nefa noho ireo fakam-panahy amin'ny fahavetavetana maro isan-karazany, dia tokony hanana ny vadiny manokana avy ny lehilahy tsirairay, ary ny vehivavy tsirairay dia tokony hanana ny vadiny manokana avy. <sup>3</sup> Ny lehilahy dia tokony hanome ireo zo ara-panambadiana ho an'ny vadiny, ary toy izany koa ny vehivavy ho an'ny vadiny. <sup>4</sup> Tsy ny vehivavy no manana fahefana amin'ny vatany manokana, fa ny vadiny. Toy izany koa, tsy ny lehilahy no manana fahefana amin'ny vatany manokana, fa ny vadiny no manana. <sup>5</sup> Aza mifanakatsakana ianareo tsirairay, afa-tsy amin'ny fifanarahana nifanaovana ary amin'ny fotoana voatokana. Ataovy izany mba hafahanareo manokan-tena amin'ny vavaka. Avy eo dia tokony hiarahatory indray ianareo, mba tsy hafahan'ny Satana maka fanahy anareo nohon'ny tsy fanananareo fifehezan-tena. <sup>6</sup> Kanefa izaho dia milaza ireo zavatra ireo aminareo am-pahalalahana fa tsy didy akory. <sup>7</sup> Iriko ny olona rehetra ho toa ahy. Fa ny tsirairay dia samy manana ny fanomezam-pahasoavany manokana avy amin'Andriamanitra. Ny iray manana ity karazam-panomezam-pahasoavana ity, ary ny iray hafa manana karazany hafa koa. <sup>8</sup> Ho an'ireo izay tsy manambady sy ireo mpitondratena dia miteny aho fa tsara ho azy ireo raha mijanona tsy manambady izy ireo, tahaka ahy. <sup>9</sup> Kanefa izy ireo raha tsy afaka mamehy tena, dia tokony hanambady. Satria tsara kokoa ho azy ireo ny manambady toy izay ampirehetin'ny filàna ara-nofa. <sup>10</sup> Ary ho an'ireo izay manambady dia manome izao didy izao aho—tsy izaho, fa ny Tompo—ny vehivavy dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny, <sup>11</sup> (fa raha toa izy ka misaraka amin'ny vadiny, dia tokony hijanona tsy hanambady na koa miverina mihavana amin'ny vadiny) —ary ny lehilahy dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny. <sup>12</sup> Fa ho an'ny sisa dia milaza aho—izaho, fa tsy ny Tompo—hoe raha misy rahalahy iray manana vady tsy mpino, ary raha mahafaly azy ny miara-miaina aminy, dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny izy. <sup>13</sup> Raha ny vehivavy iray no manana vady tsy mpino, ary raha mahafaly azy ny miara-miaina aminy, dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny izy. <sup>14</sup> Satria ny lehilahy tsy mpino dia natokana noho ny amin'ny vadiny, ary ny vehivavy tsy mpino dia natokana nohon'ny amin'ny rahalahy. Fa raha tsy izany dia ho maloto ny zanakareo, nefa raha ny marina dia efa voatokana izy ireo. <sup>15</sup> Fa raha ny vady tsy kristianina no mandao, avelao izy andeha. Amin'ny toe-javatra toy izany, ny rahalahy na ny rahavavy dia tsy voafatotry ireo voadin'izy ireo. Andriamanitra dia niantso antsika mba hiaina ampiadanana. <sup>16</sup> Fa amin'ny fomba ahoana no ahalalanao, ry vehivavy, raha ho voavonjinao ny vadinao? Na amin'ny fomba ahoana no ahalalanao, ry lehilahy, raha ho voavonjinao ny vadinao? <sup>17</sup> Fa avelao fotsiny ny tsirairay avy hiaina ny fiainana izay efa nanendren'ny Tompo azy, ary araka ny efa niantsoan'Andriamanitra azy. Io no fitsipiko ao amin'ny fiangonana rehetra. <sup>18</sup> Efa voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina mba hino? Izy dia tsy tokony hiezaka ny hisehoseho tahaka ny tsy voafora. Tsy voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina ho amin'ny finoana? Tsy tokony ho foraina izy. <sup>19</sup> Satria tsy ny famorana na ny tsy famorana no zava-dehibe. Ny zava-dehibe dia ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra. <sup>20</sup> Ny tsirairay avy dia tokony hijanona amin'ny fiantsoana izay nisy azy rehefa nantsoin'Andriamanitra mba hino izy. <sup>21</sup> Andevo ve ianao fony Andriamanitra niantso anao? Aza miahiahy ny amin'izany. Fa raha mety ho afaka ianao, dia araraoty izany. <sup>22</sup> Satria ny olona iray izay nantsoin'ny Tompo ho andevo dia olona afaky ny Tompo. Toy izany koa ny olona izay afaka fony izy nantsoina mba hino dia andevon'i Kristy. <sup>23</sup> Ianareo dia voavidy, noho izany dia aza tonga toy ireo andevon'ny olona. <sup>24</sup> Ry rahalahy, na inona na inona fiainana nisy antsika tsirairay fony isika nantsoina mba hino, dia aoka isika hijanona ho toy izany. <sup>25</sup> Ary mahakasika ireo izay tsy nanambady mihitsy, izaho dia tsy manana didy avy any amin'ny Tompo. Nefa izaho dia manome ny hevitra tahaka ny iray izay, amin'ny alalan'ny famindrampon'ny Tompo, dia mendri-pitokisana. <sup>26</sup> Noho izany, mieritreritra aho fa nohon'ny loza izay ho avy, dia tsara ho an'ny lehilahy ny mijanona amin'ny maha izy azy. <sup>27</sup> Voafatotra amin'ny vehivavy ve ianareo? Aza mitady ny ho afaka aminy. Afaka amin'ny vadinao ve ianao? Aza mitady vady. Nefa raha manambady ianareo, dia tsy nanota. <sup>28</sup> Raha ny vehivavy tsy manambady no manambady, dia tsy nanota izy. Nefa ireo izay manambady dia hanana karazan'olana maro raha mbola velona, ary izaho dia te hanala anareo amin'izany. <sup>29</sup> Fa izao no lazaiko, ry rahalahy: Fohy ny fotoana. Manomboka izao, aleo ireo izay efa manam-bady hiaina ho tahaka ny tsy manana. <sup>30</sup> Ireo izay mitomany dia tokony hanao ho tahaka ny tsy mitomany, ireo izay mifaly ho tahaka ny tsy mifaly, ary ireo izay mividy ho tahaka ny tsy manana na inona na inona; <sup>31</sup> ary ireo izay mampiasa izao tontolo izao dia tsy tokony hanao tahaka ny mampiasa izany tanteraka. Satria izao tontolo izao amin'ny endriny ankehitriny dia ho tonga amin'ny fiatarana. <sup>32</sup> Tiako ianareo ho afaka amin'ireo ahiahy. Ny lehilahy tsy manambady dia miahiahy ny amin'ny ireo zavatra ny Tompo, ny amin'ny fomba hampifaliana Azy. <sup>33</sup> Fa ny lehilahy manambady dia miahiahy ny amin'ny zavatr'izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hampifaliana ny vadiny— <sup>34</sup> mizarazara izy. Ny vehivavy tsy manambady na virijiny dia miahiahy ny amin'ny zavatra ny Tompo, ny amin'ny fomba hanokanana amin'ny

tena sy ny fanahy. Fa ny vehivavy manambady dia miahiahy ny amin'ny zavatr'izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hampifaliana ny vadiny. <sup>35</sup> Lazaiko izany ho an'ny tombotsoanareo manokana, fa tsy hametraka izay rehetra sakantsakana eo aminareo. Milaza izany aho noho izay marina, amin'izay ianareo mba hanolo-tena ho an'ny Tompo tsy misy fanelingelenana. <sup>36</sup> Nefa raha misy olona iray mihevitra fa tsy mitondra ny fofom-badiny am-panajana—raha mihoatra ny taonan'ny fanambadiana ilay vehivavy ary tsy maintsy toy izany—dia tokony hanao izay tiany izy. Tsy manota izy. Tokony hivady izy ireo. <sup>37</sup> Nefa raha nikasa tsara tao am-pony izy, raha toa ka tsy ambany faneriterena fa afaka mifehy ny sitrapony manokana, ary raha nanapa-kevitra tao am-pony izy ny hanao izany, mba hitazomana ny fofombadiny ho virijiny, dia tsara ny ataony. <sup>38</sup> Koa izay manambady ny fofombadiny dia manao ny tsara, ary izay misafidy ny tsy hanambady dia hanao ny tsaratsara kokoa aza. <sup>39</sup> Ny vehivavy dia voafatotry ny vadiny raha mbola velona ralehilahy. Fa raha maty ny vadiny, dia malalaka tsara izy ny hanambady izay tiany ho vadiana, nefa ao amin'ny Tompo ihany. <sup>40</sup> Nefa amin'ny fitsarako dia tokony ho faly kokoa izy raha miaina amin'izao ihany. Ary heveriko fa izaho ihany koa dia manana ny Fanahin' Andriamanitra.

## 1 Corinthians 7:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manome fampianarana manokana ho an'ireo mpino momba ny fanambadiana i Paoly.

### Ary

Mampiditra lohahevitra vaovao amin'ny fampianarany i Paoly.

### olana izay nosoratanareo momba ny hoe

Ireo Korintiana dia nanoratra taratasy ho an'i Paoly mba hangataka valim-panontaniana maromaro.

### momba ny hoe: "Tsara ho an'ny lehilahy ny tsy mikasika vehivavy." Nefa noho

Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia mamerina izay nosoratan'ireo Korintiana, "momba ny hoe: nanoratra ianareo hoe: 'Tsara amin'ny lehilahy ny tsy mikasika ny vehivavy' Marina izany, nefa satria" na 2) Paoly dia milaza izay eritreriny, 'ny valinteniko dia eny, tsara amin'ny lehilahy ny tsy mikasika vehivavy. Fa satria"

### Tsara

"Tena manampy izany," fa tsy hoe ratsy ny "mikasika"

### ho an'ny lehilahy

Ireo mety ho dikany: 1) vady lehilahy na 2) izay lehilahy rehetra.

### ny tsy mikasika vehivavy.

Ireo mety ho dikany: 1) "tsy manao firaisana ara-nofo miaraka amin'ny vehivavy," vadin'ny lehilahy no resaka eto, na 2) "tsy manambady mihitsy"

### Nefa noho ireo fakam-panahy amin'ny fahavetavetana maro isan-karazany, dia

"Kaneva Satana dia maka fanahy ny olona mba hanao fahotana ara-nofo, dia" na "Nefa haniry ny hanao ny fahotana ara-nofo isika nohon'ny toetra maha-mpanota antsika, dia"

## 1 Corinthians 7:3

### zo ara-panambadiana

Ireo lehilahy sy ireo vehivavy dia samy tsy maintsy miara-mandry matetika miaraka amin'ny vadin'izy ireo.

## 1 Corinthians 7:5

### Aza mifanakatsakana ianareo tsirairay

Ny teny hoe: "manakatsakana" dia midika hoe fihazonana zavatra iray hananan'olon-kafa zo hahazo izany. "Aza mandà ny hanana firaisana ara-panambadiana miaraka amin'ny vadin'izy ireo"

### mba hahafahanareo manokan-tena amin'ny vavaka

mba hananana fotoana manokana ho an'ny vavaka

### manokan-tena

"manolo-tena"

### hiara-hatory indray ianareo

"hiara-handry indray"

### nohon'ny tsy fanananareo fifehezan-tena

fifehezana - "satria aorian'ny andro vitsivitsy, dia ho sarotra ny hifehy ny filàna ara-nofonareo"

### izaho dia milaza ireo zavatra ireo aminareo am-pahalalahana fa tsy didy akory

Mety hidika izany fa i Paoly dia milaza amin'ireo Korintiana fa mamela azy ireo izy, fa tsy mandidy azy ireo mba 1) hanambady sy hiara-mandry na 2) tsy hiara-mandry amin'ny fotoana iray.

### ho toa ahy

Na tsy nanambady mihitsy aza i Paoly na maty aza ny vadiny. Tsy voatery hoe nandalo fisaraham-panambadiana akory izy.

### Fa ny tsirairay dia samy manana ny fanomezam-pahasoavany manokana avy amin'Andriamanitra. Ny iray

**manana ity karazam-panomezam-pahasoavana ity, ary ny iray hafa manana karazany hafa koa.**

"Andriamanitra mamela ny olona hanao zavatra isan-karazany. Mamela ny olona hanao zavatra iray ary mamela olona iray hafa hanao zavatra hafa Izy"

## 1 Corinthians 7:8

**tsy manambady**

"ireo izay tsy manam-bady"

**ireo mpitondra tena**

"ireo vehivavy izay efa maty vady"

**fa tsara**

Adikao tahaka izay ao amin'ny 7:1.

**ampirehetin'ny filàna ara-nofa**

"miaina miaraka amin'ny faniriana tsy tapaka ny handry miaraka amin'ny olona iray"

## 1 Corinthians 7:10

**tsy tokony hisaraka aminy**

Ireo mpamaky ny bokin'i Paoly dia nahalala ny fahasamihafan'ny misaraka sy ny misara-bady. Ny fitsaharana miara-mitoetra amin'ny olona iray no atao hoe faran'ny fanambadiana. DH: "tsy tokony hisara-panambadiana"

**koa miverena mihavana aminy**

"izy dia tokony hihavana amin'ny vadiny ary miverina aminy"

**tsy tokony hisaraka**

Ireo mpamaky ny bokin'i Paoly dia nahalala ny fahasamihafan'ny fisaraham-panambadiana sy ny fisarahana tsotra. Samy mamarana ny fanambadiana ny fanaovana ireo. DH: "tsy tokony hisaraka amin'ny"

## 1 Corinthians 7:12

**mahafaly**

"afa-po"

**Satria ny lehilahy tsy mpino dia natokana noho ny amin'ny vadiny**

Ireo mety ho dikany: 1) "Fa Andriamanitra nanokana ny lehilahy tsy mpino ho Azy noho ny amin'ny finoan'ilay vadiny" na 2) Andriamanitra dia mitondra ilay lehilahy tsy mpino ho toy ny fitondrany zanaka lahy noho ny amin'ny vadiny izay mpino"

**Satria ny lehilahy tsy mpino dia natokana noho ny amin'ny vadiny**

Ireo mety ho dikany: 1) "Andriamanitra nanokana ireo vehivavy tsy mpino ho Azy noho ny amin'ny vadiny izay mino na 2) "Andriamanitra mitondra ilay vehivavy tsy mpino ho toy ny fitondrany ny zanaka vavy noho ny amin'ny vadiny izay mino"

**Ny rahalahy**

ilay lehilahy mpino na vady

**voatokana izy ireo**

Ireo mety ho dikany: 1) "Andriamanitra nanokana azy ireo ho Azy" na 2) "Andriamanitra nitondra azy ireo toy ny fitondrany ireo zanany"

## 1 Corinthians 7:15

**Amin'ny toe-javatra toy izany, ny rahalahy na ny rahavavy dia tsy voafatotr'ireo voadin'izy ireo**

"Amin'ny toe-javatra toy izany, Andriamanitra dia tsy mitaky ny hanohizan'ilay vadiny hankato ny voadim-panambadiana"

**ahoana no ahalalanao, ry vehivavy ... ho voavonjinao ny vadinao ... ahoana no ahalalanao, ry lehilahy ... ho voavonjinao ny vadinao**

Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny hoe olona iray ihany izy ireo, ka noho izany dia "-nao" no ampiasaina eto.

**ahoana no ahalalanao, ry vehivavy, raha ho voavonjinao ny vadinao?**

Afaka lazaina mivantana izany. DH: "Ianao dia tsy afaka ny hahalala raha hamonjy ny vadinao izay tsy mino ianao"

**ahoana no ahalalanao, ry lehilahy, raha ho voavonjinao ny vadinao**

Afaka lazaina mivantana izany. DH: "Ianao dia tsy afaka ny hahalala raha hamonjy ny vadinao izay tsy mino ianao"

## 1 Corinthians 7:17

**ny tsirairay**

"ny mpino tsirairay"

**Io no fitsipiko ao amin'ny fiangonana rehetra**

Mampianatra ireo mpino ao amin'ny fiangonana rehetra i Paoly mba hanao araka izany fomba izany.

**Efa voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina mba hino**

Mitodika amin'ireo voafora (ireo Jiosy) i Paoly. DH: "ho an'ireo izay voafora, tamin'Andriamanitra niantso anareo mba hino, dia efa voafora ianareo"

**Tsy voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina ho amin'ny finoana**

Miresaka amin'ireo izay tsy voafora i Paoly eto. DH: "Ho an'ireo izay tsy voafora, tamin'ny niantsoan'Andriamanitra anareo mba hino, dia tsy voafora ianareo"

## 1 Corinthians 7:20

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "antsika" sy "isika" dia maneho ireo Kristiana rehetra

**hijanona amin'ny fiantsoana**

Eto ny "fiantsoana" dia manambara ny asa na ny toerana ara-tsosialy izay nidiranareo an-tsehatra. DH: "miaina sy miasa tahaka ny nataonareo"

**Andevo ve ianao ... niantso anao? Aza miahiahy ... raha mety ho afaka**

Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana tahaka ny hoe olona iray ihany izy ireo.

**Andevo ve ianao fony Andriamanitra niantso anao? Aza miahiahy ny amin'izany**

DH: "Ho an'ireo izay andevo tamin'ny niantsoan'Andriamanitra anareo mba hino, hoy aho hoe: aza miahiahy"

**olona afaky ny Tompo**

Izany olona afaka izany dia voavelan'Andriamanitra ary noho izany dia afaka amin'i Satana sy ny fahotana.

**Ianareo dia voavidy**

Azo adika hoe: "Kristy dia nividy anareo tamin'ny fahafatesana ho anareo"

**Ry rahalahy**

Eto izany dia midika hoe: namana Kristiana, samy ao anatin'izany ny lehilahy sy ny vehivavy.

**fony isika nantsoina mba hino**

"rehefa niantso antsika mba hino Azy Andriamanitra"

**1 Corinthians 7:25****Ary mahakasika ireo izay tsy nanambady mihitsy, izaho dia tsy manana didy avy any amin'ny Tompo**

Paoly dia tsy mahalala fampianaran'i Jesosy izay miresaka momba izany toe-javatra izany. DH: "Ny Tompo dia tsy mbola nandidy ahy hilaza na inona amin'ireo olona izay mbola tsy nanambady mihitsy"

**izaho dia manome ny hevitra**

"Milaza anareo ny hevitra aho"

**Noho izany**

"Ka izao no hevitra" (13:25)

**1 Corinthians 7:27****Voafatotra ... Aza mitady ... Afaka amin'ny ... Aza mitady ... Raha ny vehivavy ... dia tsy nanota**

Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny hoe olona iray ihany izy ireo, noho izany ny tranga rehetra misy hoe: "Ianao" sy ny didy hoe: "aza mitady" eto dia manondro olon-tokana.

**Voafatotra amin'ny vehivavy ve ianao? Aza mitady**

Paoly dia miresaka amin'ireo lehilahy manambady. DH: "Raha efa manambady ianao, dia aza mitady..."

**Afaka amin'ny vadinao ve ianao? Aza mitady**

Paoly dia miresaka amin'ireo lehilahy izay tsy mbola manambady. DH: "Raha tsy mbola manambady ianao ankehitriny, dia aza mitady"

**Aza mitady vady**

"aza manandrana ny hanambady akory"

**nanota**

"nahavita"

**ary izaho dia te hanala anao amin'izany**

"Tsy tiko hanana azy ireo ianareo"

**1 Corinthians 7:29****Fohy ny fotoana**

"Kely ny fotoana" na "efa ho dila ny fotoana"

**mitomany**

"malahelo amin-dranomaso"

**ireo izay mampiasa izao tontolo izao**

"ireo izay mifampiraharaha isan'andro amin'ireo tsy mpino"

**tsy tokony hanao tahaka ny mampiasa izany tanteraka**

"tokony hampiseho amin'ny asany izy ireo fa manana fanantenana ao amin'Andriamanitra"

**1 Corinthians 7:32****afaka amin'ireo ahiahy**

"tony" na "tsy miahiahy"

**miahiahy ny amin'ny**

"mifantoka amin'ny"

**mizarazara izy**

"miezaka ny hampifaly an'Andriamanitra izy sady hampifaly ny vadiny ihany koa"

**1 Corinthians 7:35****sakantsakana**

"famerana"

**hanolo-tena ho**

"afaka mifantoka amin'ny"

**1 Corinthians 7:36****fahotana, feno fahotana, mpanota, manota**

Ny teny hoe "fahotana" dia hilazana ireo asa, fisainana, ary ireo teny izay manohitra ny sitrapon'Andriamanitra sy ny lalàna. Ny fahotana ihany koa dia maneho ny tsy fanaovana zavatra izay tian'Andriamanitra hataontsika.



**1 Corinthians 7:39**

**raha mbola velona ralehilahy**  
"mandra-pahafatiny"

**izay tiany**  
"izay olona tiany"

**ao amin'ny Tompo**  
"raha mpino ilay vadiny vaovao"

**ny fitsarako**  
"ny fahazoako ny tenin'Andriamanitra"

**faly**  
faly kokoa, faly tanteraka

**izy raha miaina amin'izao ihany**  
"hijanona ho tsy manambady"

## Chapter 8

<sup>1</sup> Ary mahakasika ny hanina atao sorona ho an'ny sampy—fantantsika fa: "Isika rehetra dia manam-pahalalana." Ny fahalalana mampirehareha, fa ny fitiavana manangana. <sup>2</sup> Raha misy olona iray mihevitra ny tenany fa mahafanta-javatra, dia mbola tsy mahafantatra araka izay tokony hahafantarany akory izany olona izany. <sup>3</sup> Fa raha misy olona iray tia an'Andriamanitra, dia fantany izany olona izany. <sup>4</sup> Koa raha ny mahakasika ny fihinanana sakafo natao sorona ho an'ny sampy—dia fantantsika fa "ny sampy eto amin'izao tontolo izao dia tsinontsinona" ary "fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray ihany." <sup>5</sup> Fa mety misy ireo mody antsoina hoe andriamanitra, na any an-danitra na ety an-tany, toy ny hamaron'ireo "andriamanitra" sy ny hamaron'ireo "tampo." <sup>6</sup> Fa ho antsika, "Iray ihany no Andriamanitra dia ilay Ray, izay avy aminy ny zavatra rehetra, ary Izy no antony hivelomantsika, ary iray no Tompo Jesosy Kristy, izay tamin'ny alalany no nisian'ny zavatra rehetra, ary tamin'ny alalany no nisiantika." <sup>7</sup> Na izany aza, izany fahalalana izany dia mbola tsy ao amin'ny tsirairay. Fa kosa, ny sasany teo aloha dia nampihatra ny fanompoan-tsampy, dia nihinanana izany sakafo izany toy ny hoe zavatra natao sorona ho an'ny sampy izany. Noho izany dia simba ny fieritreretany ireo satria malemy izany. <sup>8</sup> Fa tsy ny hanina no hanolotra antsika eo amin'Andriamanitra. Fa tsy ratsy indrindra isika raha tsy mihinana, na koa hoe tsara kokoa raha mihinana izany. <sup>9</sup> Tandremo mba tsy ny fahalalanareo no antony hahatonga ireo olona osa ara-pinoana ho tafintohina. <sup>10</sup> Fa ataovy toy ny hoe misy mahita ianao, izay manam-pahalalana, mihinana ny sakafo ao amin'ny tempolin'ny sampy. Tsy ny fahalemen'ny fieritreretany ve no nasahiany hihinana izay natolotra ho an'ny sampy? <sup>11</sup> Koa nohon'ny fahalalanao ny toetra marina momba ny sampy, dia very ilay rahalahy malemy finoana iray, izay nahafatesan'i Kristy. <sup>12</sup> Noho izany, rehefa manota amin'ny rahalahinareo ianareo ka mandratra ny saina malemin'izy ireo, dia manota manohitra an'i Kristy ianareo. <sup>13</sup> Noho izany, raha ny sakafo no mahatonga ny rahalahiko ho tafintohina, dia tsy hihinan-kena intsony aho, mba tsy avy amiko no hahalavo ny rahalahiko.

### 1 Corinthians 8:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampatsiahy ireo mpino i Paoly fa na tsy manana hery aza ny sampy, ireo mpino dia tsy maintsy mitandrana mba tsy hisy fiantraikany amin'ireo mpino malemy izay mety hihevitra fa miahny ny amin'ny sampy izy ireo. Miteny amin'ireo mpino mba hitandrana amin'ny fahafahana izay hananan'ireo mpino ao amin'i Kristy izy.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny "Isika" dia maneho an'i Paoly, na dia nosoratana ho an'ireo Korintiana manokana aza, dia tafiditra ao anatin'izany ihany koa ireo mpino rehetra.

#### Ary mahakasika ny

Mampiasa izany andian-teny izany i Paoly mba hifindrana amin'ny fanontaniana manaraka izay nanontanian'ireo Korintiana azy.

#### hanina atao sorona ho an'ny sampy

Ireo mpivavaka Jentilisa dia nanome voa, hazandrano, vorona na hena, ho an'ny andriamanitr'izy ireo. Ireo mpisorona dia nandoro ny ampahan'izany teo amin'ny alitara. Miresaka ny ampahany izay averin'ny mpisorona amin'ilay mpivavaka mba hohanina na ho varotana eny antsena i Paoly.

#### fantantsika fa: "Isika rehetra dia manam-pahalalana."

Paoly dia mamerina teny iray izay ampiasain'ireo Korintiana. DH: "Isika rehetra mahalala, araka izay

tianareo ho lazaina, fa 'isika rehetra dia manana fahalalana.'"

#### Ny fahalalana mampirehareha

Miresaka momba izay fantatry ny olona toy ny hoe olona iray mahatonga ny olon-kafa ho lehibe kokoa noho izay tokony ho izy i Paoly. DH: "Ny olona izay mahalala betsaka dia mihevitra fa izy ireo dia tsara kokoa noho ny tena izy amin'izay momba azy ireo"

#### fa ny fitiavana manangana

Paoly dia miresaka momba ny fitiavana ho toy ny hoe olona, ary ny fanampiana ny hafa ho toy ny fanonerana trano. DH: "Ny fitiavana dia tena manampy marina ny olona"

#### mihevitra ny tenany fa mahafanta-javatra

"mino fa fantany ny zava-drehetra momba ny zavatra iray"

#### dia fantany izany olona izany

Azo adika hoe: "Andriamanitra mahafantatra izany olona izany"

### 1 Corinthians 8:4

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny "isika" sy "antsika" eto dia maneho an'ireo mpino rehetra.

**dia fantantsika fa "ny sampy eto amin'izao tontolo izao dia tsinontsinona" ary "fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray ihany**

Paoly dia mety ho milaza fehezanteny izay fampiasan'ireo Korintiana. "Isika rehetra mahalala, araka ny filazanareo, 'fa ny sampy dia tsy misy hery na misy dikany eo amintsika' ary araka izay lazainareo hoe, 'tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray ihany."

**sampy eto amin'izao tontolo izao dia tsinontsinona**  
"ny sampy dia tsy manan-kery eto amin'ity tany ity"

**mody antsoina hoe andriamanitra**  
antsoina hoe andriamanitra - "ireo zavatra izay antsoin'ireo olona ho andriamanitra"

**ny hamaron'ireo "andriamanitra" sy ny hamaron'ireo "tompô."**  
Tsy mino ny fisian'ireo andriamanitra sy ireo tompô i Paoly, kanefa izy mahafantatra fa ireo mpanompo sampy dia mino fa misy ireo.

**Fa ho antsika, "Iray ihany ... nisiantika."**  
"Na inona na inona lazaina na heverin'ny olona hafa, isika mino fa 'iray ihany ... misy."

## 1 Corinthians 8:7

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Paoly eto dia miresaka momba ireo rahalahy "malemy," olona izay tsy mahay manasaraka ny hanina natao sorona ho an'ny sampy amin'ny fanompoana ireo sampy ireo. Raha misy Kristiana mihinana hanina izay efa natao sorona ho an'ny sampy, dia mety hieritreritra ireo rahalahy malemy fa hamela azy ireo hanompo ny sampy amin'ny fihinanana ilay hanina Andriamanitra. Na dia nanompo an'ilay sampy aza ilay mpihinana fa mihinana an'ilay hanina fotsiny ihany, dia mbola nanimba ny feon'ny fieritreretana'ilay rahalahy malemy ihany izy.

**tsirairay ... sasany**  
"ny olona rehetra ... olona sasany izay efa Kristiana ankehitriny"

**simba**  
"voaratra"

## 1 Corinthians 8:8

**Fa tsy ny hanina no hanolotra antsika eo amin'Andriamanitra**  
Oharin'i Paoly amin'ny olona iray izay afaka hanao an'Andriamanitra handray antsika ny hanina. DH: "ny sakafo dia tsy manome sitraka antsika eo amin'Andriamanitra" na "ny sakafo izay hanintsika dia tsy mahatonga an'Andriamanitra ho faly amintsika"

**Fa tsy ratsy indrindra isika raha tsy mihinana, na koa hoe tsara kokoa raha mihinana izany**  
"Mety hihevitra ny olona sasany fa raha tsy mihinana ny zavatra sasany isika, dia ho kelikely kokoa ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Saingy ho diso izy ireo. Ireo izay mihevitra fa ho tia antsika bebe kokoa Andriamanitra raha mihinana ireo zavatra ireo isika dia diso ihany koa"

**olona osa**  
ireo mpino tsy matanjaka amin'ny finoan'izy ireo

**mahita ianao, izay manana**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe olona iray ireo Korintiana.

**ny fieritreretany**  
izay heveriny ho marina na diso

**nasahiany hihinana**  
"nandrisika azy hihinana"

## 1 Corinthians 8:11

**ny fahalalanao**  
Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny hoe olona iray ihany izy ireo, ka noho izany dia "iana" no ampiasaina eto.

**ilay malemy iray ... dia very**  
Ny rahalahy na anabavy izay tsy matanjaka amin'ny finoana dia hanota na ho very finoana.

**Noho izany**  
"Satria izay vao avy nolazaiko dia marina"

**raha ny sakafo no mahatonga**  
Ny "sakafo" eto dia hevitra ambadika hilazana olona izay mihinana ny sakafo. DH: "raha mahatonga ... amin'ny fihinanana aho" na "raha, noho ny fihinanako, no mahatonga"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Tsy olona afaka ve aho? Tsy apostoly ve aho? Tsy nahita an'i Jesosy Tompontosika ve aho? Tsy asako ao amin'ny Tompo ve ianareo? <sup>2</sup> Raha tsy apostoly ho an'ny hafa aho, dia farafaharatsiny Apostoly ho anareo. Fa ianareo no porofo amin'ny maha-apostoly ahy ao amin'ny Tompo. <sup>3</sup> Iza no fiarovako amin'ireo izay manadihady ahy: <sup>4</sup> Moa ve izahay tsy mahazo alalana ny hihinana sy hisotro? <sup>5</sup> Moa ve izahay tsy mahazo mitondra vady izay mpino, tahaka ny ataon'ireo apostoly sasany, sy ireo rahalahin'ny Tompo, ary Kefasy? <sup>6</sup> Sa Barnabasy sy izaho irery no tsy maintsy miasa? <sup>7</sup> Iza no manao fanompoana miaramila amin'ny fandaniany manokana? Iza no mamboly voaloboka ary tsy mihinana ny voany? Na iza no miandry ondry ka tsy misotro ny ronono avy amin'izany? <sup>8</sup> Moa ve izaho milaza ireo zavatra ireo mifototra amin'ny fahefan'ny olombelona? Tsy milaza izany koa ve ny lalàna? <sup>9</sup> Fa izany dia efa voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy hoe: "Aza asiana fehi-vava ny omby rehefa miely voa izy." Tena ilay omby tokoa ve no hiahian'Andriamanitra? <sup>10</sup> Tsy miresaka momba anay ve izy? Efa nosoratana ho antsika, fa izay miasa tany dia tokony hiasa amin'ny fanantenana, ary izay mively dia tokony hively amin'ny fanantenana ny hahazo anjara amin'ny vokatra. <sup>11</sup> Raha namafy zavatra ara-panahy teo aminareo izahay, moa be loatra aminay ve ny mijinja zavatra ara-materialy avy aminareo? <sup>12</sup> Raha mampihatra izany zo izany avy aminareo ireo hafa, moa ve izahay tsy manana mihoatra? Na dia izany aza, tsy nitaky izany zo izany izahay. Fa kosa, naleonay niaritra ny zavatra rehetra toy izay ho sakana ho an'ny filazantsaran'i Kristy. <sup>13</sup> Moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo ao amin'ny tempoly dia mahazo ny sakafon'izy ireo avy ao amin'ny tempoly? Ary moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo eny amin'ny alitara dia mahazo anjara amin'izay natao fanatitra teo amin'ny Alitra? <sup>14</sup> Toy izany koa, ny Tompo dia nandidy fa ireo izay mitory ny filazantsara dia tokony hahazo ny fiveloman'izy ireo avy amin'ny filazantsara. <sup>15</sup> Nefa tsy nitaky ny iray tamin'ireo zo ireo aho. Ary tsy manoratra an'izao aho mba mba mety hisy zavatra hatao ho ahy. Aleoko maty toy izay hisy olona hanaisotra amiko izany rehareha izany. <sup>16</sup> Fa raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy misy antony tokony ireharehako, satria tsy maintsy manao izany aho. Ary loza ho ahy raha tsy mitory ny filazantsara aho! <sup>17</sup> Fa raha manao izany an-tsitraro aho, dia manana valisoa. Fa raha tsy an-tsitraro kosa, dia mbola manana ny andraikitra izay nankinina tamiko aho. <sup>18</sup> Inona ary izany no valisoako? Izany dia rehefa mitory aho, dia afaka manolotra ny filazantsara tsy misy fandoavam-bola ka mba tsy hampiasa tanteraka ny zoko amin'ny filazantsara. <sup>19</sup> Fa na dia afaka amin'ny rehetra aza aho, dia tonga ho mpanompo ho an'ny rehetra, mba hahazoako bebe kokoa. <sup>20</sup> Teo amin'ny Jiosy dia lasa toy ny Jiosy aho, mba hahazoako ny Jiosy. Teo amin'ireo izay ambanin'ny lalàna, dia lasa toy ny olona izay ambanin'ny lalàna aho mba hahazoako ireo izay ambanin'ny lalàna. Nanao izany aho na dia tsy teo ambanin'ny lalàna aza ny tenako. <sup>[1]</sup><sup>21</sup> Tamin'ireo izay ivelan'ny lalàna, dia lasa toy ny olona ivelan'ny lalàna aho, na dia tsy ivelan'ny lalàn'Andriamanitra aza ny tenako, fa ambanin'ny lalàn'i Kristy. Nanao izany aho mba hahazoako ireo izay ambanin'ny lalàna. <sup>22</sup> Teo amin'ireo malemy dia lasa malemy aho, mba hahazoako ireo malemy. Tonga zavatra rehetra ho an'ny olona rehetra aho, mba hamonjeko ny sasany amin'ny fomba rehetra. <sup>23</sup> Manao ny zavatra rehetra aho ho an'ny filazantsara, mba hafahako mandray anjara amin'ireo fitahian'izany. <sup>24</sup> Moa ve tsy fantatrareo fa amin'ny fihazakazahana iray ny mpihazakazaka rehetra dia manao ny fihazakazahana, nefa iray ihany no mahazo ny loka? Koa mihazakazaha mba hahazo ny loka. <sup>25</sup> Ny atileta iray dia mampihatra ny fifehezan-tena amin'ny fanazaran-tenany rehetra. Manao izany izy ireo mba handray satro-boninahita izay mety simba, kanefa kosa isika mihazakazaka mba hahazoantsika satro-boninahita tsy mety simba. <sup>26</sup> Ka noho izany dia tsy mihazakazaka amin'ny tsy misy antony aho na mamely totohondry amin'ny rivotra. <sup>27</sup> Fa feheziko ny tenako ary ataoko andevo, mba tsy ho lavina ny tenako, rehefa avy nitory tamin'ny hafa aho.

### Footnotes

9:20 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny baiboly ULB sy ny UDB dia mivaky hoe: "Nanao izany aho na dia tsy teo ambanin'ny lalàna aza ny tenako." Ny dikan-teny taloha sasany dia tsy manisy izany.

## 1 Corinthians 9:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Manazava ny fomba ampiasany ny fahafahana izay hananany ao amin'i Kristy i Paoly.

### Tsy olona afaka ve aho?

Mampiasa izany fanontaniana fampisainana izany i Paoly mba hampatsiahivana an'ireo Korintiana ny zo izay hananany. DH: "Olona afaka aho."

### Tsy apostoly ve aho?

Mampiasa izany fanontaniana fampisainana izany i Paoly mba hampatsiahivana an'ireo Korintiana ny zo hananany sy hoe iza izy. DH: "Apostoly aho"

### Tsy nahita an'i Jesosy Tompontosika ve aho?

Mampiasa izany fanontaniana fampisainana izany i Paoly mba hampatsiahivana an'ireo Korintiana hoe iza izy. DH: "Efa nahita an'i Jesosy Tompontosika aho."

### Tsy asako ao amin'ny Tompo ve ianareo?

Mampiasa izany fanontaniana fampisainana izany i Paoly mba hampatsiahivana an'ireo Korintiana ny fifandraisan'izy ireo aminy. DH: "Mino an'i Kristy ianareo satria niasa araka izay tian'ny Tompo aho."

### Fa ianareo no porofo amin'ny maha-apostoly ahy ao amin'ny Tompo

Ny "porofo" dia hevitra ilaina mba hanamarinana zavatra iray. DH: "Ianareo no porofo ilaina izay hahafahako manamarina fa ny Tompo dia nifidy ahy mba ho apostoly"

## 1 Corinthians 9:3

### Izao no fiarovako ... ahy: Moa

Ireo mety ho dikany: 1) ireo teny manaraka dia ny fiarovan-tenan'i Paoly na 2) ireo teny ao amin'ny 9:1 dia fiarovan-tenan'i Paoly, "Izao no fiarovan-tenako ... ahy.Moa."

### Moa ve izahay tsy mahazo alalana ny hihinana sy hisotro?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanamafisana hoe fantany fa manaiky izay lazainy ireo Korintiana. DH: "Manana zo tanteraka hahazo hanina sy zava-pisotro avy amin'ireo fiangonana izahay."

### izahay

Eto ny hoe: "izahay" dia maneho an'i Paoly sy Barnabasy.

### Moa ve izahay tsy manana zo hitondra vady izay mpino, tahaka ny ataon'ireo apostoly sasany, sy ireo rahalahin'ny Tompo, ary Kefasy?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanamafisana hoe fantany fa manaiky izay lazainy ireo Korintiana. DH: "Raha manana vady mpino izahay, dia manana zo hitondra azy ireo miaraka aminay tahaka ny ataon'ireo apostoly hafa mitondra ny azy ireo, sy ireo rahalahin'ny Tompo, ary Kefasy."

### Sa Barnabasy sy izaho irery no tsy maintsy miasa?

Manao izay hahamenatra an'ireo Korintiana i Paoly. DH: "toa mieritreritra ianareo fa ny olona izay mila miasa mba hahazo vola dia i Barnabasy sy izaho irery ihany."

## 1 Corinthians 9:7

### Iza no manao fanompoana miaramila amin'ny fandaniany manokana?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanamafisana hoe fantany fa manaiky izay lazainy ireo Korintiana. DH: "Isika rehetra dia mahalala fa tsy misy miaramila tsy maintsy mividy ny fitaovany manokana." na "Isika rehetra dia mahafantatra fa ny miaramila rehetra dia mahazo fitaovana avy amin'ny governemanta."

### Iza no mamboly voaloboka ary tsy mihinana ny voany?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanamafisana hoe fantany fa manaiky izay lazainy ireo Korintiana. DH: "Isika rehetra dia mahafantatra fa ilay iray izay mamboly voaloboka dia hihinana ny voany foana." na "Isika rehetra dia mahafantatra fa tsy misy olona izay mamboly voaloboka ka tsy hihinana ny voany."

### Na iza no miandry ondry ka tsy misotro ny ronono avy amin'izany?

Mampiasa fanontaniana i Paoly mba hanamafisana hoe fantany fa manaiky izay lazainy ireo Korintiana. DH: "Isika rehetra dia mahalala fa ireo izay miandry ondry dia hahazo ny ronono avy amin'ny ondry."

### Moa ve izaho milaza ireo zavatra ireo mifototra amin'ny fahefan'ny olombelona?

Maneso ireo Korintiana i Paoly. DH: "Toa mieritreritra ianareo fa mifototra amin'ny fahefan'olombelona no hilazako ireo zavatra ireo."

### Tsy milaza izany koa ve ny lalàna?

Maneso ireo Korintiana i Paoly. DH: "Ataonareo toy ny hoe tsy fantatrareo fa izany dia voasoratra ao amin'ny lalàna."

## 1 Corinthians 9:9

### Aza asiana

Mosesy dia miresaka amin'ireo zanak'Israely toy ny hoe olona iray izy ireo, ka io didy io dia manondro olon-tokana.

### Tena ilay omby tokoa ve no raharahin'Andriamanitra?

Mametraka fanontaniana i Paoly mba hahafahan'ireo Korintiana mieritreritra izay lazainy na tsy misy azy miteny aza. DH: "Ianareo dia tokony hahalala na tsy misy ahy miteny aminareo aza fa tsy ny omby irery ihany no raharahin'Andriamanitra indrindra."

### Tsy miresaka momba anay ve izy?

Mametraka fanontaniana i Paoly mba hanindriana ny fanambarana izay ataony. DH: "Fa kosa, Andriamanitra dia miresaka ny momba anay tokoa."

**momba anay**

Eto ny hoe: "anay" dia manondro an'i Paoly sy Barnabasy.

**moa be loatra aminay ve ny mijinja zavatra ara-materialy avy aminareo?**

Mametraka fanontaniana i Paoly mba hahafahan'ireo Korintiana mieritreritra izay lazainy na dia tsy misy azy miteny izany aza. DH: "'Tanareo dia tokony hahafantatra na tsy misy ahy miteny aminareo akory aza fa tsy be loatra aminay ny mandray ireo fanohanana ara-materialy izay avy aminareo."

**1 Corinthians 9:12****Raha mampihatra izany ... hafa, moa ve izahay tsy manana mihoatra?**

Mametraka fanontaniana i Paoly mba hahafahan'ireo Korintiana mieritreritra izay lazainy na dia tsy misy azy miteny aza. Eto ny hoe: "izahay" dia manondro an'i Paoly sy Barnabasy. DH: "Ny sasany nampihatra ... aminareo, ka fantatrareo na dia tsy misy ahy miteny aza fa manana izany zo izany bebe kokoa izahay."

**Raha mampihatra izany zo izany ... ireo hafa**

Paoly sy ireo Korintiana dia samy mahalala fa ireo hafa dia mampihatra izany zo izany. "Satria ny hafa dia mampihatra izany zo izany"

**ireo hafa**

ireo mpiasa momba ny filazantsara hafa.

**izany zo izany**

ny zo hanampian'ireo mpino any Korinto amin'ny fandanianana ara-piveloman'ireo izay nilaza tamin'izy ireo ny vaovao mahafaly

**sakana ho an'ny**

"ho enta-mavesatra ho an'ny" na "mampitsahatra ny fampielezana ny"

**Moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo ao amin'ny tempoly dia mahazo ny sakafon'izy ireo avy ao amin'ny tempoly?**

Mampatsiahy an'ireo Korintiana an'izay fantatr'izy ireo i Paoly mba hahafahany manampy fampahafantarana vaovao. DH: "Mampatsiahy anareo aho fa ireo izay manompo ao amin'ny tempoly dia mahazo ny sakafon'izy ireo avy amin'ny tempoly."

**moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo eny amin'ny alitara dia mahazo anjara amin'izay natao fanatitra teo amin'ny Alitara?**

Mampatsiahy an'ireo Korintiana an'izay fantatr'izy ireo i Paoly mba hahafahany manampy fampahafantarana vaovao. DH: "'Mampatsiahy anareo aho fa ireo izay manompo ao amin'ny alitara dia hahazo ireo sakafo sy hena izay omen'ny olona eo amin'ny alitara."

**hahazo ny fiveloman'izy ireo avy amin'ny filazantsara**

Ny teny hoe: "filazantsara" eto dia hevitra ambadiky ny 1) olona izay hilazan'izy ireo ny filazantsara, "hahazo ny sakafon'izy ireo sy zavatra hafa izay ilaina avy amin'ireo izay ampianarin'izy ireo ny vaovao mahafaly izy ireo." na 2) ny vokatry ny fiasana amin'ny fanambarana ny vaovao mahafaly: "handray ny sakafon'izy ireo sy zavatra hafa izay ilaina izy ireo satria miasa amin'ny fanambarana ny vaovao mahafaly."

**1 Corinthians 9:15****ireo zo ireo**

"ireo zavatra izay mendrika ho ahy"

**mba mety hisy zavatra hatao ho ahy**

Afaka adika hoe: "mba hanaovanareo zavatra ho ahy"

**hanaisotra amiko izany reharena izany**

"hanala izany fahafahako mirehareha izany"

**tsy maintsy manao izany aho**

"tsy maintsy mitory ny filazantsara aho"

**loza ho ahy**

"hijaly amin'ny fahavoazana anie aho raha"

**1 Corinthians 9:17****Fa raha manao izany an-tsitrapo aho**

"raha mitory an-tsitrapo aho"

**an-tsitrapo**

"am-pifaliana" na "satria te-hanao izany aho"

**dia mbola manana ny andraikitra izay nankinina tamiko aho**

Azo adika hoe: "Tsy maintsy manao izany asa izay nitokian'Andriamanitra ho vitaiko izany aho"

**Inona ary izany no valisoako?**

Manomana azy ireo ho amin'ny fampahafantarana vaovao mahafaly izay homeny azy ireo i Paoly. DH: "Izany no valisoako."

**rehefa mitory aho, dia afaka manolotra ny filazantsara tsy misy fandoavam-bola**

"Ny valisoako amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly dia ny fahafahako mitory nefa tsy mandray karama"

**manolotra ny filazantsara**

"mitory ny filazantsara"

**ka mba tsy hampiasa tanteraka ny zoko amin'ny filazantsara**

"ary mba tsy hangataka olona hanohana ahy raha mandeha sy mitory aho"

**1 Corinthians 9:19****hahazoako bebe kokoa**

"handresy lahatra ny hafa mba hino" na "hanampy ny hafa hino an'i Kristy"

**lasa toy ny Jiosy aho**

"nanao toy ny jiosy aho" na "nanao ny fomban'ny jiosy aho"

**lasa toy ny olona izay ambanin'ny lalàna aho**

"Lasa toy ny iray izay nanolo-tena hanaraka izay takian'ny fomba fitarihana Jiosy aho, amin'ny fanekena ny fahazoan'izy ireo ny Soratra masin'ny Jiosy"

**1 Corinthians 9:21****ivelan'ny lalàna**

"izay tsy manaraka ireo lalàn'i Mosesy"

**1 Corinthians 9:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manazava ny fampiasany ny fahafahana izay hananany ao amin'i Kristy mba hifehezana ny tenany.

**Moa ve tsy fantatrareo fa amin'ny fihazakazahana iray ny mpihazakazaka rehetra dia manao ny fihazakazahana, nefa iray ihany no mahazo ny loka?**

Mampatsiahy ireo Korintiana ny amin'izay efa fantatr'izy ireo i Paoly mba hahafahany manome fampahafantarana vaovao. "Mamelà ahy hampatsiahy anareo fa na dia mihazakazaka amin'ny fifaninanana ara-hazakazaka avokoa aza ny

mpihazakazaka rehetra, dia mpihazakazaka iray ihany no hahazo ny loka."

**mifaninana ara-pihazakazahana**

Mampitaha ny fiainana Kristiana sy ny fiasana ho an'Andriamanitra amin'ny fihazakazahana sy ny maha-atleta i Paoly. Toy ny amin'ny fifaninanana ara-pihazakazahana, ny fiainana Kristiana sy ny asa dia mitaky fitsipi-pifehezana mafy avy amin'ny mpihazakazaka, ary, toy ny amin'ny hazakazaka, dia manana tanjona manokana ny Kristiana.

**mihazakazaha mba hahazo ny loka**

Paoly dia miresaka ny loka izay omen'Andriamanitra an'ireo olony mahatoky toy ny hoe loka omena amin'ny fifaninanana atletika.

**handray satro-boninahita izay mety simba ... satro-boninahita tsy mety simba**

Ny satro-boninahita dia ravin-kazo maro narandrana miaraka. Ny satro-boninahita dia nomena ho loka ho an'ireo izay mpihazakazaka naharesy ny lalao sy ny hazakazaka. Paoly dia miresaka ny fiainana mandrakizay toy ny hoe satro-boninahita izay tsy halazo mandrakizay.

**tsy mihazakazaka amin'ny tsy misy antony aho na mamely totohondry amin'ny rivotra**

"Fantatro tsara ny antony hihazakazahako, ary fantatro izay hataoko rehefa mamely totohondry aho"

**mba tsy ho lavina ny tenako**

DH: "ny mpitsara dia hilaza fa nankato ireo lalàna aho." Amin'izany toe-javatra izany ny "mpitsara," ilay iray izay tsy handà an'i Paoly, dia sarin-teny hilazana an'Andriamanitra"

## Chapter 10

<sup>1</sup> Tiako ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ireo raintsika dia tao ambanin'ny rahona avokoa ary namakivaky ny ranomasina. <sup>2</sup> Ny rehetra dia natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny rahona sy tao amin'ny ranomasina, <sup>3</sup> ary ny rehetra dia samy nihinana sakafo-panahy mitovy. <sup>4</sup> Ny rehetra dia nisotro ranom-panahy mitovy. Fa izy ireo dia nisotro tamin'ny vatolampim-panahy izay nanaraka azy ireo, dia Kristy izany vatolampy izany. <sup>5</sup> Fa Andriamanitra dia tsy nankasitraka tsara ny ankamaroan'izy ireo, ary ny fatin'izy ireo dia naparitaka tany an'efitra. <sup>6</sup> Ankehitriny ireny zavatra ireny dia ohatra ho antsika, mba tsy haniriansika zava-dratsy toy ny nilan'izy ireo. <sup>7</sup> Aza manompo sampy, toy ny sasany tamin'izy ireo. Izany dia araka izay voasoratra hoe: "Ireo olona nipetraka mba hihinana sy hisotro, ary nitsangana mba hilalao." <sup>8</sup> Aoka isika tsy hijangajanga, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo. Tao anatin'ny iray andro, dia olona telo arivo sy roa alina no maty nohon'ny amin'izany. <sup>9</sup> Aoka ihany koa isika tsy hitsapa an'i Kristy, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo ka naringan'ireo menarana. <sup>10</sup> Aza mimonomonona ihany koa, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo ka naringan'ny anjelin'ny fahafatesana. <sup>11</sup> Ary ireny zavatra ireny no nitranga tamin'izy ireo mba ho ohatra ho antsika. Nosoratana mba ho fampianarana antsika izy ireny—ho amintsika izay niavian'ny fara-andro. <sup>12</sup> Noho izany aoka izay mieritreritra ny tenany ho efa mijoro mitandrana tsara mba tsy hianjera. <sup>13</sup> Tsy nisy fakam-panahy nahatratra anareo izay tsy iraisan'ny olombelona rehetra. Fa kosa, Andriamanitra dia mahatoky. Tsy hamela anareo ho alaim-panahy mihoatra izay zakanareo Izy. Miaraka amin'ny fakam-panahy dia hanome anareo ny lalana hitsoahana ihany koa Izy, mba hafahanareo miaritra izany. <sup>14</sup> Noho izany, ry malalako, mandosira lavitry ny fanompoan-tsampy. <sup>15</sup> Miteny aminareo toy ny olona manan-tsaina aho, mba hafahanareo mitsara izay lazaiko. <sup>16</sup> Ny kapoakan'ny fisaorana izay isaorantsika, moa ve izany tsy fiombonana amin'ny rà'n'i Kristy? Ny mofo izay vakantsika, moa ve izany tsy fiombonana amin'ny vatan'i Kristy? <sup>17</sup> Satria iray ihany ny mofo, isika izay maro dia vatana iray. Isika rehetra dia mandray amin'ny mofo iray ihany. <sup>18</sup> Jereo ireo vahoakan'Israely: moa ve ireo izay mihinana ireo fanatitra tsy mpandray anjara eo amin'ny alitara? <sup>19</sup> Inona ary no ho lazaiko? Hoe tsy misy dikany ve izany ny sampy? Sa ny sakafo izay natao fanatitra tamin'ny sampy no tsy misy dikany? <sup>20</sup> Fa miresaka momban'ny zavatra izay ataon'ireo Jentilisa mpanompo sampy fanatitra aho, fa omen'izy ireo an'ireo demonia ireny zavatra ireny fa tsy an' Andriamanitra. Tsy tiako ianareo ho mpiombona amin'ny demonia! <sup>21</sup> Tsy afaka misotro ny kapoakan' ny Tompo sy ny kapoakan'ny demonia ianareo. Tsy afaka miray eo amin'ny latabaty ny Tompo sy ny latabatr'ireo demonia ianareo. <sup>22</sup> Sa manao izay mahasaro-piaro ny Tompo ve isika? Mahery noho Izy ve isika? <sup>23</sup> "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna," fa tsy ny zavatra rehetra dia ara-dalàna," fa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso ny olona. <sup>24</sup> Tsy misy tokony hitady ny tombontosoany manokana. Fa kosa, ny tsirairay dia tokony hitady ny tombotsoan'ny namany. <sup>25</sup> Afaka mihinana izay rehetra amidy eny an-tsena ianareo, fa aza manontany ny fieritreretana. <sup>26</sup> Fa "An'ny Tompo ny tany, sy izay rehetra misy eo aminy." <sup>27</sup> Raha misy tsy mpino manasa anareo hisakafo, ka maniry ny handeha ianareo, dia hano izay rehetra mipetraka eo anoloanareo ka aza mametra-panontaniana ny amin'ny fieritreretana. <sup>28</sup> Fa raha misy miteny aminao hoe: "Ity sakafo ity dia avy amin'ny fanatitry ny mpanompo sampy," dia aza mihinana izany. Izany dia ho an'ilay nampahafantatra anareo, sy ho an'ny fieritreretana. <sup>[1]</sup><sup>29</sup> Tsy miteny aho hoe ny fieritreretanao manokana, fa ny fieritreretana'ny olon-kafa. Nahoana ny fahafahako no tokony ho tsarain'ny fieritreretana'ny hafa? <sup>30</sup> Raha mandray anjara amin'ny sakafo am-pankasitrahana aho, nahoana no tevatevaina amin'izay nanomezako fisaorana? <sup>31</sup> Noho izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra avokoa. <sup>32</sup> Aza manome fanafintohinana ny Jiosy na ny Grika, na ny fiangonan'Andriamanitra. <sup>33</sup> Miezaka ny hahafaly ny olon-drehetra amin'ny zavatra rehetra aho. Tsy mitady ny tombontsoako aho, fa ny an'ny maro. Ataoko izany mba ho voavonjy izy ireo.

### Footnotes

10:28 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dika-teny taloha sasany dia manampy hoe: "Fa ny tany sy ny zavatra rehetra ao aminy dia an'ny Tompo." Fa ny dikan-teny tsara indrindra dia tsy misy izany.



**1 Corinthians 10:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy azy ireo ny ohatra momba ny faharatsiana sy ny fanompoan-tsampy niainan'ireo Jiosy razan'izy ireo taloha i Paoly.

**ireo raintsika**

Paoly dia maneho ny andron'i Mosesy ao amin'ny bokin'ny Eksodosy rehefa nandositra namakivaky ny Ranomasina mena nohon'ny fanenjehan'ireo miaramila Egyptiana ny Israely. Ny teny hoe: "-ntsika" dia manondro ny tenany sy ireo Korintiana.

**namakivaky ny ranomasina**

Izany ranomasina izany dia fantatra amin'ny anarana hoe: Ranomasina Mena.

**namakivaky**

"nandeha namakivaky"

**Ny rehetra dia natao batista ho amin'i Mosesy**

"Nanaraka izy rehetra ary nanolo-tena ho an'i Mosesy"

**tao amin'ny rahona**

tamin'ny rahona izay naneho ny fanatrehan'Andriamanitra ary nitarika ireo zanak'Israely nandritra ny andro

**nisotro ranom-panahy mitovy ... vatolampim-panahy**

"Nisotro ilay rano izay navoakan'Andriamanitra tamin'ny fomba nihoatra ny voajanahary ary tamin'ny vatolampy ... vato mihoatra ny voajanahary"

**dia Kristy izany vatolampy izany**

DH: "Kristy no niasa tamin'izany vatolampy izany"

**1 Corinthians 10:5****dia tsy nankasitraka tsara**

"tsy faly" na "tezitra"

**ankamaroan'izy ireo**

Ireo rain'ny zanak'Israely

**ny fatin'izy ireo dia naparitaka tany**

"Naparitak'Andriamanitra teo amin'ny manodidina ny fatin'izy ireo" na "Novonoin'Andriamanitra izy ireo ary naparitany ny fatin'izy ireo"

**tany an'efitra**

ilay tany efitra eo anelanelan'ny Egypta sy Israely izay nandalovan'ireo zanak'Israely nandritra ny 40 taona

**1 Corinthians 10:7****manompo sampy**

"olona izay manompo sampy"

**nipetraka mba hihinana sy hisotro**  
"nipetraka mba hihinan-kanina"

**hilalao**

Paoly dia mamerina teny izay ao amin'ny Soratra Masina Jiosy. Takatr'ireo mpamaky tamin'izany teny iray izany fa ireo olona dia nanompo sampy tamin'ny fihirana sy fandihizana ary tamin'ny fahavetavetana, fa tsy fankafizana ny tsy fialam-boly tsotra fotsiny.

**Tao anatin'ny iray andro, dia olona telo arivo sy roa alina no maty nohon'ny amin'izany**  
olona telo arivo no maty - "Andriamanitra namono olona 23.000 tao anatin'ny iray andro"

**nohon'ny amin'izany**

"satria nanao ireo asa tsy manara-dalàna sy vetaveta izy ireo"

**1 Corinthians 10:9**

**toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo ka naringan'ireo menarana**

Afaka adika hoe: "vokatr'izany, naringan'ny menarana izy ireo"

**mimonomonona**

mitaraina

**nataon'ny maro ... ka naringan'ny anjelin'ny fahafatesana**

Azo adika hoe: "vokatr'izany, naringan'ny anjelin'ny fahafatesana izy ireo"

**1 Corinthians 10:11**

**ireny zavatra ireny no nitranga tamin'izy ireo**

"Andriamanitra dia nanasazy ny razambentsika"

**ohatra ho antsika**

Eto ny hoe: "isika" dia manondro an'ireo mpino rehetra.

**Nosoratana mba ho fampianarana antsika izy ireny**

Azo adika hoe: "Andriamanitra dia nampanoratra ireo an'i Mosesy mba hahafahantsika mianatra ny marina"

**ny fara-andro**

"ireo andro farany"

**mba tsy hianjera**

tsy manota na mandà an'Andriamanitra

**Tsy nisy fakam-panahy nahatratra anareo izay tsy iraisan'ny olombelona rehetra**

Azo adika hoe: "Ireo fakam-panahy izay mihatra aminareo dia fakam-panahy hiainan'ny olona rehetra"

**Tsy hamela anareo ho alaim-panahy mihoatra izay zakanareo Izy**

"Izy dia hamela anareo ho alaim-panahy araka ny hery ampy hanoheranareo izany ihany"

**Tsy hamela anareo ho alaim-panahy**

Azo adika hoe: "tsy hamela an'iza na iza haka fanahy anareo"

## 1 Corinthians 10:14

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manohy ny fampatsiahivana azy ireo mba hadio sy hiala lavitry ny fanompoan-tsampy sy fitondran-tena maloto, eo am-piresahana ny momba ny fiombonana, izay maneho ny rà sy ny vatan'i Kristy.

**mandosira lavitry ny fanompoan-tsampy**

Miresaka ny fampiharana ny fanompoan-tsampy toy ny hoe zavatra mivaingana tahaka ny biby i Paoly. DH: "ataovy izay rehetra azonareo atao mba hialanareo amin'ny fanompoan-tsampy"

**Ny kapoakan'ny fisaorana**

Paoly dia miresaka ny fitahian'Andriamanitra toy ny hoe divay ao anaty kapoaka izay ampiasaina amin'ny Fanasan'ny Tompo.

**izay isaorantsika**

"izay isaorantsika an'Andriamanitra"

**moa ve izany tsy fiombonana amin'ny rà'n'i Kristy?**

Paoly dia mampatsiahy an'ireo Korintiana ny zavatra efa fantatr'izy ireo, fa ilay kapoaka misy ny divay izay zaraintsika dia maneho antsika miombona amin'ny rà'n'i Kristy. DH: "miombona amin'ny rà'n'i Kristy isika."

**Ny mofo izay vakiantsika, moa ve izany tsy fiombonana amin'ny vatan'i Kristy?**

Paoly dia mampatsiahy an'ireo Korintiana ny zavatra efa fantatr'izy ireo. DH: "Miombona ao amin'ny vatan'i Kristy isika rehefa mizara ny mofo."

**fiombonana**

"mandray anjara amin'ny" na "mandray anjara miaraka amin'ny hafa amin'ny"

**ny mofo**

mofo iray izay notapatapahina mialohan'ny hihinanana azy

## 1 Corinthians 10:18

**moa ve ireo izay mihinana ireo fanatitra tsy mpandray anjara eo amin'ny alitara?**

Mampatsiahy an'ireo Korintiana ny zavatra efa fantatr'izy ireo i Paoly mba hahafahany manome fampahafantarana vaovao. DH: "Ireo izay mihinana ireo fanatitra dia miombona amin'ny asa sy ny fitahian'ny alitara"

**Inona ary no ho lazaiko?**

Mampatsiahy an'ireo Korintiana ny zavatra efa fantatr'izy ireo i Paoly mba hahafahany manome fampahafantarana vaovao. DH: "Mba hanehoana izay lazaiko" na "Izao no tiako ho lazaina."

**Hoe tsy misy dikany ve izany ny sampy?**

Tian'i Paoly ireo Korintiana mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsain'izy ireo mba tsy hilazany izany amin'izy ireo. DH: "Fantatrareo fa izaho dia tsy miteny hoe ny sampy dia zavatra tena misy."

**Sa ny sakafo izay natao fanatitra tamin'ny sampy no tsy misy dikany?**

Tian'i Paoly ireo Korintiana mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsain'izy ireo mba tsy hilazany izany amin'izy ireo. DH: "Fantatrareo fa izaho dia tsy miteny hoe ny sakafo izay atao sorona ho an'ny sampy dia tsy manan-danja."

## 1 Corinthians 10:20

**Tsy afaka misotro ny kapoakan' ny Tompo sy ny kapoakan'ny demonia ianareo**

Paoly dia miresaka ireo olona misotro amin'ny kapoaka ho tahaka ny demonia mba ho porofo fa izany olona izany dia naman'ny demonia. DH: "tsy ho vitanareo ny hisakaiza marina amin'ny Tompo sy ny demonia"

**Tsy afaka miray eo amin'ny latabatry ny Tompo sy ny latabatr'ireo demonia ianareo**

"Tsy vitanareo ny ho tena iray miaraka amin'ny olon'ny Tompo ary ihany koa miaraka amin'ireo demonia"

**Sa manao izay mahasaro-piara ny Tompo ve isika?**

Tian'i Paoly mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsain'izy ireo ireo Korintiana. DH: "Ianareo dia tokony hahafantatra na dia tsy miteny aza aho fa tsy mety ny mitarika ny Tompo ho saropiaro."

**manao izay**

mampatezitra na mandrangitra

**Mahery noho Izy ve isika?**

Tian'i Paoly mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsain'izy ireo ireo Korintiana. DH: "tokony hahafantatra ianareo na dia tsy miteny aza aho fa isika dia tsy mahery noho Andriamanitra."

## 1 Corinthians 10:23

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy azy ireo hatrany ny amin'ny lalànan'ny fahafahana sy ny fanaovana ny zavatra rehetra ho tombon-tsoan'ny hafa i Paoly.

**Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna**

Ireo mety ho dikany: 1) Mamaly izay mety ho eritreretin'ireo Korintiana sasany i Paoly, "Ny sasany manao hoe: 'Afaka manao ny zava-drehetra aho'" na 2) Paoly dia tena milaza izay heveriny fa

marina, "Andriamanitra mamela ahy hanao ny zavatra rehetra." Tokony ho adika araka ny ao amin'ny 6:12 io.

#### **mampandroso ny olona**

Paoly dia miresaka ny fanampiana ireo olona toy ny hoe fananganana-trano. DH: "manampy ny olona." Jereo izay nandikanao ny "manangana" ao amin'ny 8:1.

### **1 Corinthians 10:25**

#### **anoloanareo ka aza mametra-panontaniana ny amin'ny fieritreretana**

"anareo. Tian'Andriamanitra hihinana ny sakafo miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio ianareo"

### **1 Corinthians 10:28**

#### **Fa raha misy miteny aminao ... fa ny fieritreretana'ny olon-kafa**

Ny dikan-teny sasany dia mametraka ireo teny ireo ao anaty farango sosona satria 1) "aminao" no ampiasaina eto, fa Paoly dia mampiasa ny teny manondro olona maro eo aloha sy ao aoriana ary 2) ny teny hoe: "Fa nahoana ny fahafahako no tokony ho tsarain'ny fieritreretana'ny hafa?" dia toa mifototra amin'ny hoe: "hano izay rehetra mipetraka eo anoloanareo ka aza mametra-panontaniana ny amin'ny fieritreretana" (10:25) fa tsy hoe "ny feon'ny fieritreretana'ny olon-kafa."

#### **miteny aminao hoe ... aza mihinana ... nampahafantatra anareo ... ny fieritreretanao manokana**

Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny hoe miresaka amin'ny olona iray, ka "anao" sy "ny anao" no ampiasaina eto.

#### **Fa nahoana ... ny fieritreretana'ny hafa? Raha mandray anjara ... nanomezako fisaorana?**

Ireo mety ho dikany: 1) ny teny hoe: "fa" dia maneho ny ao amin'ny 10:29, "tsy hanontany fanontaniana amin'ny feon'ny fieritreretana aho, koa nahoana ... feon'ny fieritreretana? Raha mandray anjara ... nanomezako fisaorana? na 2) Paoly dia milaza izay eritreritr'ireo Korintiana, "Tahaka ny sasany aminareo dia mety mieritreritra,

"Fa nahoana ... feon'ny fieritreretana? ... Raha ... fisaorana aho?"

#### **Fa nahoana ny fahafahako no tokony ho tsarain'ny fieritreretana'ny hafa?**

Ny mpandahan-teny dia mila ny mpihaino mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsainy. DH: "Ianareo dia tokony hahafantatra na dia tsy miteny aminareo aza aho fa tsy misy olona afaka miteny fa manao ratsy aho satria izany olona izany dia manana hevitra momba ny marina sy diso izay hafa amin'ny ahy."

#### **Raha mandray anjara amin'ny sakafo am-pankasitrahana aho, nahoana no tevatavaina amin'izay nanomezako fisaorana?**

Ny mpandahan-teny dia mila ny mpihaino mba hamaly ny fanontaniana ao an-tsainy. DH: "mandray anjara amin'ny sakafo am-pankasitrahana aho, ka tsy misy olona tokony haniratsira ahy amin'izay nanomezako fisaorana."

#### **Raha mandray anjara amin'ny sakafo am-pankasitrahana aho**

Raha tsy milaza izay mety eritreretrin'ireo Korintiana i Paoly, ny "Aho" dia maneho an'ireo izay mihinana-kenam-pankasitrahana. "Raha misy olona mandray anjara" na "Raha misy olona mihinana"

#### **am-pankasitrahana**

"ary misaotra an'Andriamanitra amin'izany" na "misaotra ilay olona izay nanome izany ahy"

### **1 Corinthians 10:31**

#### **Aza manome fanafintohinana ny Jiosy na ny Grika**

"Aza manao izay hanafintohina ireo Jiosy na ireo Grika" na "Aza manao izay mahatezitra ireo Jiosy na ireo Grika"

#### **hahafaly ny olon-drehetra**

"ampifalio ny olon-drehetra"

#### **Tsy mitady ny tombontsoako aho**

"Tsy manao zavatra izay iriko ho an'ny tenako aho"

#### **ny an'ny maro**

olona betsaka araka izay azo atao

## Chapter 11

<sup>1</sup> Alao tahaka aho, toa ahy mpaka tahaka an'i Kristy. <sup>2</sup> Ary midera anareo aho satria mahatsiaro ahy amin'ny zavatra rehetra ianareo. Midera anareo aho satria mitazona mafy ny fombafomba araka izay nanolorako azy ireo teo aminareo ianareo. <sup>3</sup> Ary tiako ho azonareo fa Kristy no lohan'ny lehilahy rehetra, fa ny lahy no lohan'ny vavy, ary Andriamanitra no lohan'i Kristy. <sup>4</sup> Ary manala voninahitra ny lohany ireo lehilahy izay mivavaka na maminany ka misaron-doha. <sup>5</sup> Fa manala voninahitra ny lohany ireo vehivavy izay mivavaka na maminany tsy misaron-doha. Fa tsy hafa ary mitovy amin'ny hoe vehivavy manaratra ny lohany izany. <sup>6</sup> Fa raha tsy misaron-doha ny vehivavy, dia tokony tapahina ho fohy ny volony. Raha mahamenatra ny vehivavy ny manapaka ny volony na ny manaratra ny lohany, dia aoka izy hanarona ny lohany. <sup>7</sup> Fa tsy tokony hanarona ny lohany ny lehilahy, satria izy no sary sy voninahitr'Andriamanitra. Fa ny vehivavy dia voninahitry ny lehilahy. <sup>8</sup> Fa ny lehilahy dia tsy natao avy tamin'ny vehivavy. Fa kosa, ny vehivavy no natao avy tamin'ny lehilahy. <sup>9</sup> Fa tsy misy lehilahy noforonina ho an'ny vehivavy. Fa kosa, ny vehivavy no noforonina ho an'ny lehilahy. <sup>10</sup> Izany no tokony hananan'ny vehivavy ny mariky ny fahefana eo amin'ny lohany, noho ireo anjely. <sup>11</sup> Na izany aza, ao amin'ny Tompo, tsy mahaleo-tena amin'ny lehilahy ny vehivavy, na ny lehilahy mahaleo-tena amin'ny vehivavy. <sup>12</sup> Fa raha avy amin'ny lehilahy ny vehivavy, dia ny lehilahy koa dia avy amin'ny vehivavy. Ary avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetra. <sup>13</sup> Tsarao ny tenanareo: Mety amin'ny vehivavy ve ny mivavaka amin'Andriamanitra tsy misaron-doha? <sup>14</sup> Tsy ny natiora mihitsy aza ve no mampianatra anareo fa raha ny lehilahy no lava volo, dia fahafaham-baraka ho azy izany? <sup>15</sup> Tsy mampianatra anareo ve ny natiora fa raha ny vehivavy no lava volo, dia voninahitra ho azy izany? Fa nomena azy ny volony mba hanaronana azy. <sup>16</sup> Fa raha misy te-hiady hevitra amin'izany, dia tsy manana fampiharana hafa izahay, na ireo fiangonan'Andriamanitra. <sup>17</sup> Fa anatin'ireo torolalana manaraka, dia tsy midera anareo aho. Fa rehefa miara-tonga ianareo, dia tsy ho amin'ny tsara izany fa ho amin'ny ratsy indrindra. <sup>18</sup> Fa tamin'ny voalohany indrindra, dia reko fa rehefa miaraka miangona ao amin'ny fiangonana ianareo, dia misy fizarazarana eo aminareo, ary mino izany amin'ny ampahany aho. <sup>19</sup> Fa tsy maintsy misy fitsitokotokoana eo aminareo, mba hankasitrahana eo aminareo ireo izay nekena. <sup>20</sup> Fa rehefa miangona ianareo, dia tsy ny Fanasan'ny Tompo no hoaninareo. <sup>21</sup> Rehefa mihinana ianareo, dia samy mihinana ny sakafony manokana ny tsirairay alohan'ny hisakafoan'ireo hafa. Noana ny iray, ary ny hafa lasa mamom. <sup>22</sup> Tsy manana trano isakafoana sy isotroana ve ianareo? Ho tsinontsiniaivinareo ve ny fiangonan'Andriamanitra ka hahetrinareo izay tsy manana na inona na inona? Inona no tokony ho teneniko aminareo? Tokony hidera anareo ve aho? Tsy hidera anareo amin'izany aho! <sup>23</sup> Fa noraisiko avy amin'ny Tompo ihany koa izay ampitaiko anareo, fa Jesosy Tompo, tamin'ny alina izay namadihana Azy, dia naka mofo. <sup>24</sup> Rehefa avy nisaotra Izy, dia nanapaka izany ary niteny hoe: "Ity ny vatako, izay ho anareo. Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy." <sup>25</sup> Mitovy amin'izay koa dia noraisiny ny kapoaka rehefa avy nisakafo hariva, ary niteny Izy hoe: "Ity kapoaka ity no fanekena vaovao ao amin'ny ràko. Ataovy izao na oviana na oviana ianareo no misotro, ho fahatsiarovana Ahy." <sup>26</sup> Amin'ny fotoana rehetra izay hinnanareo ity mofo ity sy hisotronareo amin'ity kapoaka ity, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo mandra-piaviny ianareo. <sup>27</sup> Na iza na iza, noho izany, mihinana ny mofo na misotro amin'ny kapoakan'ny Tompo amin'ny fomba tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny vatana sy ny ràn'ny Tompo. <sup>28</sup> Aoka handinika ny tenany aloha ny olona, ary amin'izany dia aoka hihinana ny mofo ary hisotro amin'ny kapoaka izy. <sup>29</sup> Fa izy izay mihinana sy misotro ka tsy mahafantatra ny vatana, dia mihinana sy misotro fitsarana ho an'ny tenany. <sup>30</sup> Izany no mahatonga ny maro aminareo ho osa sy marary, ary ny sasany aminareo ho faty. <sup>31</sup> Fa raha mandinin-tena isika, dia tsy ho tsaraina. <sup>32</sup> Fa rehefa voatsaran'ny Tompo isika, dia mpanara-dalàna, mba tsy ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao. <sup>33</sup> Noho izany, ry rahalahiko, rehefa miangona mba hihinana ianareo, dia mifampiandraza. <sup>34</sup> Raha misy olona iray noana, aoka izy hihinana any an-trano, amin'izay rehefa miangona ianareo dia tsy ho amin'ny fitsarana izany. Ary mahakasika ireo zavatra hafa izay nosoratanareo, dia hanome toro-lalana aho rehefa tonga.

### 1 Corinthians 11:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Taorian'ny nampatsiahivana azy ireo hanaraka azy araka ny fomba hanarahany an'i Kristy, Paoly dia manome torolalana manokana amin'ny fomba

fiainan'ny vehivavy sy lehilahy amin'ny mahampino.

#### mahatsiaro

"mieritreritra" na "mihevitra"

**Ary tiako ho**

Ireo mety ho dikany: 1) "Noho izany, dia tiako na 2) "Kanefa, tiako."

**no lohan'ny**

manana fahefana eo amin'ny

**ny lahy no lohan'ny vavy**

Ireo mety ho dikany: 1) ny lehilahy dia manana fahefana eo amin'ny vehivavy" na 2) "ny lehilahy dia manana fahefana amin'ny vadiny"

**misaron-doha**

"ary manao toy izany aorian'ny nametrahany lamba na voaly eo amin'ny lohany"

**manala voninahitra ny lohany**

Ireo mety ho dikany: 1) "mitondra fahafaham-baraka ho azy" na 2) "mitondra fahamenarana ho an'i Kristy, izay lohany."

**1 Corinthians 11:5****manala voninahitra ny lohany ireo vehivavy izay mivavaka**

Ireo mety ho dikany: 1)"ny vehivavy izay mivavaka ... mitondra fahafaham-baraka amin'ny tenany" na 2) "ny vadin-dralehilahy izay mivavaka ... mitondra fahamenarana ho an'ny vadiny."

**tsy misaron-doha**

Izany hoe, tsy misarona lamba izay hanaovana mba hanaronana ny volo sy soroka.

**mitovy amin'ny hoe vehivavy manaratra ny lohany izany**

Tahaka ny hoe naratany tamin'ny fanaratana avokoa ny volo teo amin'ny lohany.

**Raha mahamenatra ny vehivavy**

Mariky ny fahamenarana na fahafaham-baraka amin'ny vehivavy ny fananana volo naratana na notapahina fohy.

**hanarona ny lohany**

fametrahana ny lamba eo an-tampon-dohany ary manarona ny volo ary ny soroka.

**1 Corinthians 11:7****tsy tokony hanarona ny lohany**

DH: "Ireo mety ho dikany: 1) tsy voatery manarona ny lohany" na "2) "tsy mila manarona ny lohany"

**voninahitra ny lehilahy**

Toy ny lehilahy izay hitarafana ny fahalebiazan'Andriamanitra, ny vehivavy dia taratry ny toetry ny lehilahy.

**Fa ny lehilahy dia tsy natao avy tamin'ny vehivavy. Fa**

**kosa, ny vehivavy no natao avy tamin'ny lehilahy**  
Andriamanitra namorona ny vehivavy tamin'ny fangalana taolana avy amin'ny lehilahy ary nanamboatra ny vehivavy tamin'izany taolana izany.

Afaka atao hoe: DH: "Andriamanitra dia tsy nanao ny lehilahy avy tamin'ny vehivavy. Fa kosa, nanao ny vehivavy avy tamin'ny lehilahy"

**1 Corinthians 11:9****Fa tsy misy ... ho an'ny lehilahy**

Ireo teny ireo sy ny 11:7 manontolo dia afaka atao anaty fonon-teny mba hahafahan'ny mpamaky mahalala fa ny teny hoe: "izany" ao amin'ny "izany no tokony ... ireo anjely" dia maneho mazava ny teny hoe: "ny vehivavy dia voninahitra ny lehilahy" ao amin'ny 11:7.

**hananan'ny vehivavy ny mariky ny fahefana eo amin'ny lohany**

Ireo mety ho dikany: 1) "mba ho marika fa manana ny lahy ho lohany izy" na 2) "mba ho marika fa manana fahefana hivavaka na haminany izy."

**1 Corinthians 11:11****Na izany aza**

"Raha marina avokoa izay vao nolazaiko, dia izao no zava-dehibe indrindra."

**ao amin'ny Tompo**

Ireo mety ho dikany: 1) "eo amin'ireo Kristiana, izay an'Andriamanitra" na 2) "eto an-tany amin'ny maha-voaarin'Andriamanitra."

**tsy mahaleo-tena amin'ny lehilahy ny vehivavy, na ny lehilahy mahaleo-tena amin'ny vehivavy**

Azo adika hoe: DH: "Ny vehivavy dia miankina amin'ny vadiny, ary ny lehilahy dia miankina amin'ny vehivavy"

**Ary avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetra**

"Andriamanitra namorona ny zava-drehetra"

**1 Corinthians 11:13****Tsarao ny tenanareo**

"Tsarao araka ny fomba eo an-toerana sy ireo fanaon'ny fiangonana izay fantatrareo izany olana izany"

**Mety amin'ny vehivavy ve ny mivavaka amin'Andriamanitra tsy misaron-doha?**

Miandry ireo Korintiana hiombon-kevitra aminy i Paoly. Azo adika hoe: "Ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, ny vehivavy dia tokony hivavaka amin'Andriamanitra miaraka amin'ny fanaronan-doha."

**Tsy mampianatra anareo ve ny natiora ... ho azy?**

Miandry ireo Korintiana hiombon-kevitra aminy i Paoly. DH: "Ny natiora aza mampianatra anareo ... ho azy." Izy dia miresaka ny fomba fihetsik'ireo olona ao amin'ny fiaraha-monina toy ny hoe olona mpampianatra. DH: "Fantatrareo amin'ny fomba fandinihana ny fomba fanaon'ny olona mahazatra fotsiny ... ho azy."

**Fa nomena azy ny volony**

"Fa noharin'Andriamanitra misy volo ny vehivavy"

**1 Corinthians 11:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eo am-piresahana momba ny fiombonana, ny fanasan'ny Tompo, dia mampatsiahy azy ireo mba hanana ny toetra araka ny tokony ho izy sy firaisankina i Paoly. Mampatsiahy azy ireo izy fa raha tsy mahavita an'ireo zavatra ireo amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo izy ireo, dia harary sy ho faty, tahaka ny efa niseho tamin'ny sasany tamin'izy ireo.

**anatin'ireo torolalana manaraka, dia tsy midera anareo aho. Fa rehefa**

Ny mety ho dikany hafa dia hoe: "eo am-panomezana anareo ireo fampianarana ireo aho, dia misy zavatra izay tsy afaka hiderako anareo: rehefa"

**fampianarana**  
"torolalana"

**miara-tonga**  
"miara-mivory" na "mihaona"

**tsy ho amin'ny tsara izany fa ho amin'ny ratsy indrindra**  
"tsy mifanampy ianareo, fa kosa, mifamely"

**ao amin'ny fiangonana**  
"amin'ny maha-mpino." Paoly dia tsy miresaka momba ny hoe ao anatin'ilay trano.

**misy fizarazarana eo aminareo**  
"mizarazara ho vondrona maro ianareo"

**mba hankasitrahana eo aminareo ireo izay nekena**  
Ireo mety ho dikany: 1) "mba hahafantaran'ny olona ireo mpino tsara laza indrindra eo aminareo" na 2) "mba hahafahan'ny olona mampiharihary izany fankasitrahana izany amin'ny hafa eo aminareo." Mety nampiasa eso, amin'ny filazana ny mifanohitra amin'izay tiany ho takat'ireo Korintiana i Paoly, mba hahamenatra azy ireo.

**hankasitrahana eo aminareo**  
Ireo mety ho dikany: 1) "izay neken'Andriamanitra" na 2) "izay ekenareo, fiangonana."

**1 Corinthians 11:20**

**miangona ianareo**  
"miara-mivory"

**tsy ny Fanasan'ny Tompo no hohaninareo**  
"mety mino ianareo fa mihinana ny Fanasan'ny Tompo, kanefa dia tsy mandray izany am-panajana ianareo"

**isakafoana sy isotroana**  
"izay hiangonana mba hisakafoana"

**tsinontsinoavina**

mankahala na tsy manaja amin'ny tsy fanomezamboninahitra

**hahetrinareo**  
manala baraka na manao izay mahamenatra

**Inona no tokony ho teneniko aminareo? Tokony hidera anareo ve aho?**

Mibedy an'ireo Korintiana i Paoly. DH: "Tsy afaka milaza na inona na inona tsara momba izany aho. Tsy afaka ny hidera anareo aho."

**1 Corinthians 11:23**

**Fa noraisiko avy amin'ny Tompo ihany koa izay ampitaiko anareo, fa ny Tompo Jesosy**  
"Fa avy amin'Andriamanitra no nahenoako izay nolazaiko taminareo, ka izao izany: ny Tompo"

**tamin'ny alina izay namadihana Azy**  
Azo atao hoe: "Tamin'ny alina izay namadihan'i Jodasy Iskariota Azy"

**nanapaka izany izy**  
"nanapaka sombiny tamin'izany izy"

**Ity ny vatako**  
"Ny mofo izay hazoniko dia ny vatako"

**1 Corinthians 11:25**

**ny kapoaka**  
Ny tsara indrindra dia ny mandika izany arabakiteny. Ireo Korintiana dia nahafantatra ny kapoaka izay noraisiny, ka tsy "kapoaka tsotra" izany na "kapoaka sasany" na "kapoaka." Ireo mety ho dikany: 1) ny kapoakan-divay izay mety andrasan'ny olona ho ampiasainy na 2) ilay kapoaka fahatelo na fahaefatra amin'ny kapoakan-divay efatra izay nisotroin'ny Jiosy tamin'ny sakafon'ny paska.

**Ataovy matetika izao fisotroana izao**  
"Misotroa amin'ity kapoaka ity, ary isaky ny misotro amin'izany ianareo"

**manambara ny fahafatesan'ny Tompo**  
mampianatra ny momba ny fanomboana sy ny fitsanganana amin'ny maty

**mandra-piaviny**  
Ny toerana hahatongavan'i Jesosy dia afaka faritana mazava. DH: "Mandra-piverin'i Jesosy eto an-tany"

**1 Corinthians 11:27**

**mihinana ny mofo na misotro amin'ny kapoakan'ny Tompo**  
"mihinana ny mofon'ny Tompo na misotro ny kapoakan'ny Tompo"

**handinika**

Paoly dia miresaka olona iray izay mandinika ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy ny fomba niainany ho toy ny hoe mandinika zavatra izay tiany hovidiana. Jereo ny fomba nandikanao ny hoe: "hitsapana ny hatsaran'ny" ao amin'ny 3:12.

**ka tsy mahafantatra ny vatana**

Ireo mety ho dikany: 1) "ary tsy mahafantatra fa ny fiangonana dia vatan'ny Tompo" na 2) "ary tsy mihevitra fa izy dia mihazona ny vatan'ny Tompo."

**osa sy marary**

Ireo teny ireo dia mitovy dika ary afaka hatambatra.

**1 Corinthians 11:31**

**mandinin-tena**

Paoly dia miresaka olona iray izay mandinika ny fifandraisany amin'Andriamanitra sy ny fomba niainany ho toy ny hoe mandinika zavatra izay tiany hovidiana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 11:27.

**tsy ho tsaraina**

Azo adika hoe: DH: "Andriamanitra tsy hitsara antsika"

**voatsaran'ny Tompo isika, dia mpanara-dalàna, mba tsy ho voaheloka**

Azo adika hoe: "tsarain'ny Tompo isika, mananatra antsika izy, mba tsy hanamelohany antsika"

**1 Corinthians 11:33**

**miangona mba hihinana**

miara-mihinana sakafo mialohan'ny hankalazana ny Fanasan'ny Tompo

**mifampiandraza**

"avelao ny hafa ho tonga alohan'ny hanatrehana izany fihinanana izany"

**aoka izy hihinana any an-trano**

"aoka izy hihinana alohan'ny hanatrehana izany fihaonana izany"

**tsy ho amin'ny fitsarana izany**

"tsy irika hahafahan'Andriamanitra mananatra anareo izany"

## Chapter 12

<sup>1</sup> Momba ireo fanomezam-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ahafantatra ianareo. <sup>2</sup> Fantatrareo fa fony ianareo mpanompo sampy, dia voavily nankany amin'ireo sampy tsy manam-peo ianareo, tany amin'izay lalana rehetra nitarihin'ireny anareo. <sup>3</sup> Noho izany tiako ho fantatrareo fa tsy misy olona izay miteny amin'ny Fanahin'Andriamanitra afaka miteny hoe: "Jesosy dia voaozona." Tsy misy afaka miteny hoe: "Jesosy dia Tompo," afa-tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. <sup>4</sup> Ary misy fanomezam-panahy samihafa, fa Fanahy mitovy ihany. <sup>5</sup> Misy fanompoana samihafa, fa Tompo mitovy ihany; <sup>6</sup> ary misy karazan'asa samihafa, fa Andriamanitra mitovy ihany no manao azy ireo ho azo atao amin'ny tsirairay. <sup>7</sup> Ary ho an'ny tsirairay no nomena ny fanehoana ivelan'ny Fanahy ho an'ny tombontsoan'ny rehetra. <sup>8</sup> Fa ho an'ny olona iray dia nomena avy amin'ny Fanahy ny tenin'ny fahendrena, ary ho an'ny iray hafa ny tenin'ny fahalalana amin'ny alalan'ny Fanahy mitovy ihany. <sup>9</sup> Ho an'ny iray hafa dia nomena ny finoana amin'ny alalan'ny Fanahy mitovy, ary ho an'ny iray hafa ireo fanomezam-pahasoavana hanasitrana amin'ny alalan'ny Fanahy iray. <sup>10</sup> Ho an'ny iray hafa dia nomena ireo asan'ny hery, ary ho an'ny iray hafa faminaniana. Ho an'ny iray hafa dia nomena ny fahafahana manavaka ireo fanahy, ho an'ny iray hafa ireo karazana fiteny samihafa, ary ho an'ny iray hafa ny fandikana teny. <sup>11</sup> Fa ny Fanahy iray sy mitovy ihany no miasa ao amin'izany rehetra izany, manome ireo fanomezam-panahy ho an'ny olona tsirairay avy, araka izay nofidiany. <sup>12</sup> Fa satria ny vatana dia iray ary manana rantsana maro ary ny rehetra dia rantsan'ilay vatana ihany, noho izany dia miaraka amin'i Kristy izany. <sup>13</sup> Fa tamin'ny alalan'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho vatana iray, na ireo Jiosy na ireo Grika, na voafatotra na afaka, ary ny rehetra dia natao mba hisotro amin'ny Fanahy iray. <sup>14</sup> Fa ny vatana dia tsy rantsana tokana, fa maro. <sup>15</sup> Raha miteny ny tongotra hoe: "Satria tsy tanana aho, dia tsy rantsana amin'ny vatana aho," izany dia tsy kely amin'ny rantsan'ny vatana akory. <sup>16</sup> Ary raha ny sofina no hiteny hoe: "Satria tsy maso aho, dia tsy rantsana amin'ny vatana aho," izany dia tsy kely amin'ny rantsan'ny vantana akory. <sup>17</sup> Raha maso ny vatana rehetra, dia ho aiza ny fandrenesana? Raha sofina ny vatana rehetra, dia ho aiza ny fanimboloana? <sup>18</sup> Fa Andriamanitra nandamina ny rantsan'ny vatana tsirairay araka ny namoronany izany. <sup>19</sup> Raha rantsana mitovy ihany izy rehetra, aiza no hisy ny vatana? <sup>20</sup> Ka izao dia rantsana maro izy ireo, fa vatana iray ihany. <sup>21</sup> Ny maso tsy afaka miteny amin'ny tanana hoe: "Tsy misy ilàko anao." Na ny loha tsy hiteny amin'ny tongotra hoe: "Tsy misy ilàko anao." <sup>22</sup> Fa ireo rantsana amin'ny vatana izay miseho ho malemy kokoa dia tena ilaina, <sup>23</sup> ary ireo rantsan'ny vatana izay heverintsika fa tsy dia manan-danja, dia omentsika lanja lehibe kokoa ireo, ary ireo rantsantsika tsy fampiseho dia manana fahamendrehana mihoatra. <sup>24</sup> Ary ny rantsantsika fampiseho dia tsy mila entina amin'ny fahamendrehana, fa ireo dia efa manana fahamendrehana. Fa Andriamanitra nampikambana ny rantsana rehetra miaraka, ary izy nanome lanja kokoa an'ireo izay tsy ampy izany. <sup>25</sup> Nanao izany Izy mba tsy hisy fisarahana eo amin'ny vatana, fa mba hifampikarakara amin'ny fitiavana mitovy ireo rantsana. <sup>26</sup> Noho izany rehefa mijaly ny rantsana iray, dia miara-mijaly ireo rantsana rehetra; na rehefa omen-danja ny rantsana iray, dia miara-mifaly ny rantsana rehetra. <sup>27</sup> Ary ianareo dia vatan'i Kristy ary rantsana amin'izany ny tsirairay. <sup>28</sup> Ary Andriamanitra nanendry tao amin'ny fiangonana ireo apostoly aloha, faharoa ireo mpaminany, fahatelo ireo mpampianatra, avy eo ireo izay manao asa mahagaga, avy eo ireo fanomezam-pahasoavana hanasitrana, ireo izay manome fanampiana, ireo izay manao ny asan'ny fitantanan-draharaha, ary ireo izay manana karazana fiteny samihafa. <sup>29</sup> Apostoly ve izy rehetra? Mpaminany avokoa ve? Mpampianatra avokoa ve? Manao asa mahagaga avokoa ve ny rehetra? <sup>30</sup> Manana fanomezam-panahy hanasitrana ve izy rehetra? Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve izy rehetra? Mandika teny ve izy rehetra? <sup>31</sup> Katsaho fatrara ireo fanomezam-panahy lehibe kokoa. Fa hampiseho anareo lalana tsaratsara kokoa aho.

### 1 Corinthians 12:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamela azy ireo hahalala i Paoly fa Andriamanitra dia nanome fanomezana manokana ho an'ireo mpino. Ireo fanomezana ireo dia hanampiana ny tenan'ireo mpino.

#### tsy tiako tsy hahafantatra ianareo

Azo atao hoe: "Tiako ho fantatrareo"

#### dia voavily nankany amin'ireo sampy tsy manam-peo ianareo

Azo atao hoe: "ianareo dia mino lainga ary manompo sampy izay tsy misy feony"

#### tany amin'izay lalana rehetra nitarihin'ireny anareo

Azo atao hoe: "ary nitrika anareo tamin'ny fomba maro izy ireo"



**tsy misy olona izay miteny amin'ny**

**Fanahin'Andriamanitra afaka miteny hoe**

Ireo mety ho dikany: 1) "tsy misy Kristiana manana ny Fanahin'Andriamanitra ao aminy ka afaka ny hiteny hoe:" na 2) "tsy misy olona maminany amin'ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra afaka hilaza hoe."

**Jesosy dia voaozona**

"Andriamanitra dia hanasazy an'i Jesosy" na

"Andriamanitra dia hampijaly an'i Jesosy"

## 1 Corinthians 12:4

**manao azy ireo ho azo atao amin'ny tsirairay**

"mahatonga ny olona hanana azy ireo"

## 1 Corinthians 12:7

**ho an'ny tsirairay no nanomezana**

Andriamanitra ilay iray izay manao ny fanomezana (12:4). DH: "Andriamanitra nanome ny tsirairay"

**ho an'ny olona iray no nanomezana avy amin'ny Fanahy ny tenin'ny fahendrena**

Azo atao hoe: "amin'ny alalan'ny Fanahy no hanomezana'Andriamanitra ny teny ny olona iray"

**avy amin'ny Fanahy**

Andriamanitra manome ny fanomezana amin'ny alalan'ny asan'ny Fanahy.

**fahendrena ... fahalalana**

Ny fahasamihafan'ireo teny roa ireo dia tsy manandanja satria Fanahy iray mitovy ihany no omen'Andriamanitra azy ireo.

**ny tenin'ny fahendrena**

Paoly dia mampifandray hevitra iray amin'ny teny roa. DH: "teny hendry"

**ny tenin'ny fahalalana**

Paoly dia mampifandray hevitra iray amin'ny teny roa. DH: "teny izay mampiseho fahalalana"

## 1 Corinthians 12:9

**dia nomena**

DH: "Andriamanitra manome." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 12:7.

**amin'ny alalan'ny Fanahy mitovy**

Andriamanitra manome fanomezana amin'ny alalan'ny asan'ilay Fanahy Masina iray sady tokana. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 12:7.

**ireo karazana fiteny samihafa**

"ny fahaizana miteny amin'ny fiteny samihafa"

**ny fandikana teny**

Ny fahaizana milaza izay lazain'ny olona miteny amin'ny fiteny hafa.

**ny fandikana teny**

Izany dia filazana izay nolazain'ny olona iray tamina fiteny iray amin'ireo hafa izay tsy mahazo izany fiteny izany. Jereo ny fomba nandikana ny hoe: "mandika teny" ao amin'ny 2:12.

**Fanahy iray sy mitovy**

Paoly dia mampatsiahy an'ireo mpamaky ny hoe: "fanahy mitovy ... ilay Fanahy iray" (andiniy faha-9)

## 1 Corinthians 12:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy ny firesahany momba ireo karazana fanomezana izay omen'Andriamanitra ho an'ireo mpino i Paoly, Andriamanitra manome fanomezana samihafa ho an'ireo mpino samihafa, kanefa tian'i Paoly hahafantatra izy ireo fa ny mpino rehetra dia natao ho vatana iray ihany, izay antsoina hoe vatan'i Kristy. Noho izany antony izany dia tokony hanana firaisan-kina ireo mpino.

**Fa tamin'ny alalan'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra**

Ireo mety ho dikany: 1) ny Fanahy Masina no ilay iray izay manao batisa antsika, "Fa Fanahy iray no nanao batisa antsika" na 2) fa izany fanahy izany, toy ny rano fanaovam-batista, no mpanalalana izay nanaovana batista antsika ho tena iray, "Fa Fanahy iray ihany no nanaovana batista antsika"

**ny rehetra dia natao mba hisotro amin'ny Fanahy iray**

Azo atao hoe: "Andriamanitra nanome Fanahy mitovy antsika rehetra, ary isika dia mizara izany fanahy izany tahaka ny fizaran'ny olona ny zava-pisotro.

## 1 Corinthians 12:14

**dia ho aiza ny fandrenesana? ... dia ho aiza ny fanimboloana?**

Azo atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy afaka handre na inona na inona ianao ... tsy afaka ny hanimbolo ianao"

## 1 Corinthians 12:18

**rantsana mitovy**

Ny teny hoe: "rantsana" dia hilazana ny rantsam-batana amin'ny ankapobeny, toy ny loha, sandry, na lohalika. DH: "ny rantsam-batana mitovy"

**aiza no hisy ny vatana?**

Afaka atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy hisy vatana"

## 1 Corinthians 12:21

**tsy dia manan-danja**

"ambany lanja"

**tsy fampiseho**

Izany dia mety hilazana ny faritra tsy fampiseho amin'ny vatana, izay saronan'ny olona.

**1 Corinthians 12:25****tsy hisy fisarahana eo amin'ny vatana**

"mba ho tafaray ny vatana, fa"

**omen-danja ny rantsana iray**

Azo atao hoe: "manome lanja ny rantsana iray ny olona iray"

**Ary ianareo dia**

Eto ny teny hoe: "ary" dia ampiasaina mba hisintonana ny saina ho amin'ny hevitra manaraka.

**1 Corinthians 12:28****ireo apostoly no voalohany**

Ireo mety ho dikany: 1) Ny fanomezam-pahasoavana voalohany izay ho tononiko dia ireo apostoly" na 2) "ny tena manan-danja amin'ny fanomezana dia ireo apostoly."

**ireo izay manome fanampiana**

"ireo izay manome fanampiana ho an'ireo mpino hafa"

**ireo izay manao ny asan'ny fitantanana-draharaha**

"ireo izay mitantana ny fiangonana"

**ary ireo izay manana karazana fiteny samihafa**

olona iray izay afaka miteny amin'ny fiteny vahiny iray na maromaro kanefa tsy nianatra an'io fiteny io akory

**Apostoly ve izy rehetra? Mpaminany avokoa ve?**

**Mpampianatra avokoa ve? Manao asa mahagaga avokoa ve ny rehetra?**

Mampatsiahy an'ireo mpamaky ny zavatra izay efa fantatr'izy ireo i Paoly. DH: "Ny sasany amin'izy ireny ihany no apostoly. Ny sasany amin'izy ireny ihany no mpaminany. Ny sasany amin'izy ireny ihany no mpampianatra. Ny sasany amin'izy ireny ihany no manao asa mahagaga."

**1 Corinthians 12:30****Manana fanomezam-panahy hanasitrana ve izy rehetra?**

Afaka atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy izy rehetra no manana ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana."

**Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve izy rehetra?**

Afaka atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy izy rehetra no miteny amin'ny fiteny maro."

**Mandika teny ve izy rehetra?**

Afaka atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy izy rehetra no miteny amin'ny fiteny maro."

**Mandika**

Izany dia filazana izay nolazain'ny olona iray tamina fiteny iray amin'ireo hafa izay tsy mahazo izany fiteny izany. Jereo ny fomba nandikana ny hoe: "mandika teny" ao amin'ny 2:12.

**Katsaho fatrara ireo fanomezam-panahy lehibe kokoa.**

**Fa**

Ireo mety ho dikany: 1) "tsy maintsy mitady fatratra avy amin'Andriamanitra ireo fanomezam-pahasoavana izay tena manampy ny fiangonana ianareo. Ary" na 2) "Ianareo dia mitady fatratra ireo fanomezana izay heverinareo fa lehibe kokoa satria mihevitra ianareo fa mahafinaritra kokoa ny manana izany. Saingy"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Na dia atao hoe miteny amin'ny fitenin'ireo olona sy ireo anjely aza aho. Fa raha tsy manana fitiavana, dia tonga vy maneno na kipantsona mikarantsam-peo aho. <sup>2</sup> Na dia atao hoe manana fanomezan'ny faminaniana ary mahafantatra ireo misitery sy fahalalana rehetra aza aho, ary manana ny finoana rehetra afahana mamindra ireo tendrombohitra. Fa raha tsy manam-pitiavana, dia tsinontsinona aho. <sup>3</sup> Na dia atao hoe manome izay rehetra ananako hamahanana ny mahantra aza aho, ary manolotra ny tenako ho dorana. Fa raha tsy manam-pitiavana, dia tsy mahazo na inona na inona aho. <sup>4</sup> Ny fitiavana dia mahari-po sady tsara fanahy. Ny fitiavana dia tsy mitsiriritra na mirehareha. Tsy miavona <sup>5</sup> na manao izay tsy mahamendrika. Tsy tia tena. Tsy mora tezitra, na mitanisa fahadisoana. <sup>6</sup> Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana. Fa kosa, mifaly amin'ny fahamarinana. <sup>7</sup> Ny fitiavana dia mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, matoky zavatra rehetra, ary miharitra ny zavatra rehetra. <sup>8</sup> Tsy ho tapitra mandrakizay ny fitiavana. Raha misy faminaniana, dia ho levona ireo. Raha misy fitenenana amin'ny teny tsy fantatra, hitsahatra ireo. Raha misy fahalalana, dia ho levona izany. <sup>9</sup> Fa isika dia mahafantatra amin'ny ampahany ary maminany amin'ny ampahany. <sup>10</sup> Fa rehefa tonga ilay tena lafatra, dia ho levona izay tsy tanteraka. <sup>11</sup> Fony mbola zaza aho, dia niresaka toy ny zaza, nieritreritra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza. Rehefa lehibe aho, dia navelako ny fahazazana. <sup>12</sup> Fa ankehitriny isika dia mahita tsy mivantana amin'ny fitaratra, fa rahatrizay dia hifanatri-tava. Ankehitriny aho dia mahafantatra amin'ny ampahany, fa avy eo aho dia hahafantatra tanteraka toy ny nahafantarana ahy tanteraka. <sup>13</sup> Fa ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana rahatrizay, ary ny fitiavana. Fa ny lehibe indrindra amin'ireo dia ny fitiavana.

### Footnotes

13:3 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny ULB sy ny UDB dia samy manana dikan-teny maro, mivaky toy izao hoe: "Homeko mba ho dorana ny tenako." Ny dikan-teny sasany kosa dia mivaky hoe: "Homeko ny tenako mba ho rehehako."

### 1 Corinthians 13:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Rehefa avy niresaka momba ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra an'ireo mpino i Paoly, dia manambara izay tena manandanja kokoa.

#### ny fitenin'ireo ... anjely

Ireo mety ho dikany: 1) Manao fanitarana i Paoly mba ho fiantraikan'izany fotsiny ihany ary tsy mino fa miteny ny fitenin'ireo anjely ny olona na 2) Paoly dia mihevitra fa ireo izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ankehitriny dia miteny amin'ny fiteny izay ampiasain'ireo anjely.

**tonga vy maneno na kipantsona mikarantsam-peo aho**  
Tonga tahaka ny zava-maneno izay mamoka feo mafy, sy manorisory

#### vy maneno

Toy ny lovia, vy boribory manify izay velesina amin'ny hazo kely lavalava mba hamoka feo mafy

#### kipantsona mikarantsam-peo

takelaka roa manify, boribory izay miaraka velesina mba hamoka feo mafy

#### Homeko mba ho dorana ny tenako

Azo atao hoe: DH: "mamela an'ireo izay nanenjika ahy mba handoro ahy ho faty aho"

### 1 Corinthians 13:4

#### Ny fitiavana dia mahari-po sady tsara fanahy ... miaritra ny zavatra rehetra

Eto i Paoly dia miresaka momba ny fitiavana toy ny hoe olona iray.

#### Tsy mora tezitra

Azo atao hoe: "Tsy misy olona afaka mampalaky tezitra azy"

#### Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana. Fa kosa, mifaly amin'ny fahamarinana

"Mifaly amin'ny fahamarinana sy ny marina irery ihany"

### 1 Corinthians 13:8

#### ny fitiavana

Ny mitia olona iray dia miahay izany olona izany ary manao ireo zavatra izay hahasoa azy. Misy heviny maro samihafa ny teny hoe: "fitiavana" izay mety ampiasaina amin'ny teny hafa. Ny fitiavana izay avy amin'Andriamanitra dia mifantoka amin'ny soa ho an'ny hafa, na dia tsy mahasoa ny tena aza. Izany

karazana fitiavana izany dia miahhy ireo hafa, na inona na inona hataon'izy ireo. Andriamanitra mihitsy no fitiavana ary loharanon'ny fitiavana marina.

**faminaniana, maminany, mpaminany, mpahita, mpaminany vavy**

Ny "mpaminany" dia olona izay milaza ny hafatr'Andriamanitra ho an'ny vahoaka. Ny vehivavy izay manao izany dia antsoina hoe: "mpaminany vavy."

**fitenenana**

Misy dikany maromaro ny hoe: "fiteny" ao amin'ny Baiboly.

**mahafantatra, fahalalana, ampahafantarina**

Ny hoe: "fantatra" dia midika fahazoana na fahalalana ny zava-misy.

**lafatra**

Ao amin'ny Baiboly, ny teny hoe: "lafatra" dia midika fahamatorana amin'ny fiainana maha-Kristiana antsika. Ny fanaovana ny zavatra iray ho lafatra dia midika hoe miasa amin'izany mba hahatonga izany ho tanteraka sy tsy misy kianina.

**1 Corinthians 13:11**

**Fa ankehitriny isika dia mahita tsy mivantana amin'ny fitaratra**

Ny fitaratra tamin'ny andron'i Paoly dia vita tamin'ny vy mangirana fa tsy fitaratra ary manome taratra manjavozavo.

**ankehitriny isika dia mahita**

Ireo mety ho dikany: 1) "ankehitriny mahita an'i Kristy isika" na 2) "ankehitriny mahita an'Andriamanitra isika."

**fa rahatrizay dia hifanatri-tava**

"fa rahatrizay dia hifanatri-tava amin'i Kristy isika." Izany dia midika fa ho eo anatrehan'i Kristy mivantana isika."

**hahafantatra tanteraka**

"Hahafantatra tanteraka an'i Kristy aho"

**toy ny nahafantarana ahy tanteraka**

Azo atao hoe: "toy ny nahafantaran'i Kristy ahy tanteraka"

**Fa ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra**

"Zava-dehibe ny ... ankehitriny. Zava-dehibe ny ... Ary zava-dehibe ny"

**ny finoana, ny fanantenana rahatrizay, ary ny fitiavana**

"matoky an'i Kristy isika, ary azontsika antoka fa hanao ny zavatra rehetra izay efa nampanantenainy ho antsika Izy, ary isika tia Azy dia mifankatia"

## Chapter 14

<sup>1</sup> Mitadiava fitiavana ary manàna zotom-po amin'ireo fanomezam-panahy, indrindra fa ny mba haminanianareo. <sup>2</sup> Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miresaka amin'ny olona fa amin' Andriamanitra. Fa tsy misy mahazo azy satria miresaka zava-miaina ao amin'ny Fanahy izy. <sup>3</sup> Fa izay maminany dia miresaka amin'ny olona mba ho fampiorenanana azy ireo, ho fampirisihana azy ireo, ary fampiononana azy ireo. <sup>4</sup> Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia manorina ny tenany, fa izay maminany dia manorina ny fiangonana. <sup>5</sup> Ankehitriny dia maniry anareo rehetra hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Fa mbola mihoatra noho izany aza, maniry Aho ny haminanianareo. Izay maminany dia lehibe kokoa noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra (raha tsy hoe misy olona iray mandika teny ka mba mety hiorenan'ny fiangonana). <sup>6</sup> Fa ankehitriny, ry rahalahy, raha tonga eo aminareo amin'ny fiteny tsy fantatra aho, inona no tombon-tsoa omeko anareo amin'izany? Tsy afaka aho, raha tsy hoe miresaka aminareo amin'ny fanambarana, na fahalalana, na faminania, na fampianarana. <sup>7</sup> Raha mamoka feo ireo zava-maneno tsy manan'aina—tahaka ny sodina na lokanga—ary tsy mamoka lantom-peo samihafa ireo, ahoana no hahafantaran'ny olona izay melodia avoakan'ny sodina na ny lokanga? <sup>8</sup> Fa raha manao feo hafahafa ny trompetra, ahoana no hahafantaran'ny olona rehefa fotoana hiomanana amin'ny ady? <sup>9</sup> Ka toy izany ihany koa ny aminareo. Raha tsy mazava ny teny aloaky ny vavanareo, ahoana no hahafantaran'ny olona izay nolazainareo? Hiteny ianareo, ary tsy hisy hahazo anareo. <sup>10</sup> Misy fiteny maro samihafa eto amin'izao tontolo izao, ary tsy misy amin'ireny no tsy misy dikany. <sup>11</sup> Fa raha tsy mahafantatra ny dikan'ny fiteny iray aho, dia ho vahiny amin'izay miteny, ary izay miteny ho vahiny amiko. <sup>12</sup> Tahaka izany ihany koa ny aminareo. Satria maniry fatrara ny fihetsehan'ny Fanahy ianareo, dia manàna zotom-po mba hiroborobo amin'ny fanorenana ny fiangonana. <sup>13</sup> Noho izany izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tokony hivavaka mba hafahany mandika teny. <sup>14</sup> Fa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra Aho, dia mivavaka ny fanahiko, fa ny saiko tsy mamoka. <sup>15</sup> Inona no tokony ho ataoko? Hivavaka amin'ny Fanahiko aho, fa hivavaka amin'ny saiko ihany koa. Hihira miaraka amin'ny Fanahiko aho, ary hihira miaraka amin'ny saiko ihany koa. <sup>16</sup> Raha tsy izany, raha midera an'Andriamanitra miaraka amin'ny Fanahy ianareo, ahoana no hitenenan'ny vahiny hoe "Amena" rehefa manome fisaorana ianao raha toa ka tsy fantany izay lazainao. <sup>17</sup> Fa ianao dia tena manome fisaorana tsara ihany, fa ny olon-kafa tsy miorina. <sup>18</sup> Misaotra an'Andriamanitra aho fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra mihoatra noho ianareo rehetra. <sup>19</sup> Saingy any am-piangonana dia aleoko miteny teny dimy araka ny fahazoako mba hafahako mampianatra ireo hafa, toy izay teny iray alina amin'ny fiteny tsy fantatra. <sup>20</sup> Ry rahalahy, aza mba zaza amin'ny fihevitrareo. Fa kosa, raha amin'ny ratsy, dia manaova tahaka ny zaza. Fa amin'ny fihevitrareo dia aoka ho matotra ianareo. <sup>21</sup> Ao amin'ny lalàna dia voasoratra hoe: "Amin'ny alalan'ny olona hafa fiteny sy amin'ny alalan'ny molotry ny vahiny dia hiresaka amin'ireto olona ireto Aho. Na dia tsy handre Ahy aza izy ireo," hoy ny Tompo. <sup>22</sup> Noho izany ireo fiteny tsy fantatra dia famantarana, tsy amin'ireo mpino, fa amin'ireo tsy mpino. Fa ny faminania kosa dia ho famantarana, tsy ho an'ireo tsy mpino, fa ho an'ireo mpino. <sup>23</sup> Noho izany, raha toa ka, miara-miangona ny fiangonana rehetra ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra avokoa, ary miditra ireo vahiny sy tsy mpino, tsy ho lazain'izy ireo fa adala ve ianareo? <sup>24</sup> Fa raha naminany avokoa ianareo rehetra ka nisy tsy mpino na vahiny niditra, dia ho resy lahatra amin'izay rehetra henony izy. Ho tsaraina amin'ny alalan'izay rehetra voalaza izy. <sup>25</sup> Ho ambara ny tsiambaratelo ao am-pony. Vokatry'izany, hiankohoka izy ary hitsaoka an'Andriamanitra. Hanambara izy fa tena eo aminareo Andriamanitra. <sup>26</sup> Inona izany no manaraka, ry rahalahy? Rehefa tafaray ianareo, ny tsirairay dia manana salamo, fampianarana, fanambarana, fiteny tsy fantatra, na fandikan-teny. Ataovy ny zava-drehetra mba hanorenanareo ny fiangonana. <sup>27</sup> Raha misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, avelao hisy roa na farafahabetsany telo eo, ary mandeha tsirairay, avy eo dia tokony hisy anankiray handika ny teny izay voalaza. <sup>28</sup> Fa raha tsy misy mpandika teny, avelao ny tsirairay amin'izy ireo hitazona fahanginana ao am-piangonana. Avelao ny tsirairay hiresaka mitokana amin'ny tenany sy amin'Andriamanitra. <sup>29</sup> Avelao hiteny ny mpaminany roa na telo, ary avelao ireo hafa hihaino amin'ny fahaiza-manavaka izay voalaza. <sup>30</sup> Fa raha misy fahitana omena izay mipetraka eo amin'ny fanompoana, avelao hangina ilay iray izay niteny. <sup>31</sup> Fa ny tsirairay aminareo dia afaka mifandimby maminany mba hafahan'ny tsirairay mianatra ary mba hahery ny rehetra. <sup>32</sup> Fa ny fanahin'ireo mpaminany dia eo ambanin'ny fanaraha-mason'ireo mpaminany. <sup>33</sup> Fa Andriamanitra dia tsy Andriamanitry ny fikorontanana, fa ny fiadanana. Izany no fitsipika ho an'ireo fiangonan'ireo mpino rehetra. <sup>34</sup> Ny vehivavy dia tokony hitazona fahanginana ao am-piangonana. Satria tsy mahazo alalana hiteny izy ireo. Fa kosa, tokony hanaiky izy ireo, tahaka ny ambaran'ny lalàna. <sup>35</sup> Raha misy irian'izy ireo hianarana, avelao hanontany ny vadiny any an-trano izy ireo. Fa mahamenatra ho an'ny vehivavy ny miteny ao am-

piangonana. <sup>36</sup> Avy aminareo ve no niavian'ny tenin'Andriamanitra? Ianareo irery ve no voakasik'izany? <sup>37</sup> Raha misy mieritreritra ny tenany ho mpaminany na ara-panahy, dia tokony hanaiky izy fa ireo zavatra izay soratako aminareo dia didin'ny Tompo. <sup>38</sup> Fa raha misy tsy manaiky izany, dia aleo izy tsy ho ekena. <sup>[1]39</sup> Koa amin'izany, ry rahalahy, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara an'iza na iza hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra. <sup>40</sup> Fa avelao ny zava-drehetra atao araka ny tokony ho izy sy am-pilaminana.

## Footnotes

14:38 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny ankamaroan'ny dikan-teny, ao anatin'izany ny ULB sy UDB, dia mamaky hoe: "Fa raha misy tsy manaiky izany, dia aoka tsy ho ekena izy." Ny dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Fa raha misy tsy mahalala izany, dia aoka izy tsy hahalala izany."

### 1 Corinthians 14:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tian'i Paoly ho fantatr'izy ireo fa na dia manandanja kokoa aza ny fampianarana satria mampianatra ny olona izany, dia tsy maintsy atao am-pitiavana izany.

#### Mitadiava fitiavana

Paoly dia miresaka momba ny fitiavana toy ny hoe: olona. "Araho ny fitiavana" na "Miasà mafy mba hitia ny olona"

#### indrindra fa ny mba haminanianareo

"ary miasà mafy kokoa mba ho afaka haminany"

#### manorina

Resahin'i Paoly toy ny hoe fananganana trano ny fanampiana olona. DH: "manampy ny olona." Jereo izay nandikanao ny "manorina" ao amin'ny 8:1.

### 1 Corinthians 14:5

#### Izay maminany dia lehibe kokoa

Hantitraterin'i Paoly fa ny fanomezam-pahasoavan'ny faminania dia lehibe kokoa noho ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny. DH: "Ilay iray izay maminany dia manana fanomezam-pahasoavana lehibe kokoa"

#### mandika teny

Izany dia filazana izay nolazain'ny olona tamin'ny fiteny iray amin'ny olona hafa izay tsy mahazo izany fiteny izany. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 2:12.

#### inona no tombon-tsoa omeko anareo amin'izany

Afaka atao fanambarana tsotra izany. DH: "tsy mahazo tombony amiko ianareo" na "tsy nahavita na inona na inona izay manampy anareo aho"

### 1 Corinthians 14:7

#### tsy mamoka lantom-peo samihafa ireo

Maneho ireo feo avy amin'ireo tady na lavaka samihafa izay mamoka ny melodia izany, fa tsy ny

fahasamihafana eo amin'ny feon-tsodina na feon-dokanga.

#### ahoana no hahafantaran'ny olona izay melodia avoakan'ny sodina na ny lokanga?

Tian'i Paoly ho valin'ireo Korintiana io fanontaniana io. DH: "tsy hisy na iza na iza hahafantatra ny feo avoakan'ny sodina na lokanga."

#### ahoana no hahafantaran'ny olona rehefa fotoana hiomanana amin'ny ady?

Tian'i Paoly ho valin'ireo Korintiana io fanontaniana io. DH: "tsy hisy hahafantatra ny fahatongavan'ny fotoana tokony hiomanana ho amin'ny ady."

### 1 Corinthians 14:10

#### ary tsy misy hoe tsy misy dikany izy ireny

DH: "samy manana ny dikany avy izy rehetra"

### 1 Corinthians 14:12

#### ny fihetsehan'ny Fanahy

"afaka manao ireo zavatra izay mampiseho fa ny Fanahy no mibaiko anareo"

#### zotom-po mba hiroborobo amin'ny fanorenana ny fiangonana

Resahin'i Paoly toy ny hoe trano izay azon'ny olona iray hatsangana ny fiangonana ary toy ny hoe zavatra izay azon'ny olona jinjaina ny asa fanorenana ny fiangonana. "mba hahombiazana tanteraka amin'ny fanaovana ireo vahoakan'Andriamanitra ho afaka hanompo an'Andriamanitra"

#### mandika teny

Izany dia filazana izay nolazain'ny olona tamin'ny fiteny iray amin'ny olona hafa izay tsy mahazo izany fiteny izany. Jereo ny fomba nandikanao izany ao amin'ny 2:12.

#### ny saiko tsy mamoa

"tsy takatro ny teny izay lazaiko"

**1 Corinthians 14:15****Inona no tokony ho ataoko?**

Mampiditra ny famaranany i Paoly. DH: "Izao no ho hataoko"

**Hivavaka amin'ny Fanahiko ... hivavaka amin'ny saiko ...  
Hihira miaraka amin'ny Fanahiko aho ... hihira miaraka  
amin'ny saiko**

Ny vavaka sy ireo hira dia tsy maintsy atao amin'ny fiteny izay azon'ny olona manatrika eo.

**miaraka amin'ny saiko**

"miaraka amin'ireo teny izay azoko"

**raha midera an'Andriamanitra ... manome fisaorana  
ianao ... izay lazainao**

Na dia "ianao" aza no ampiasaina eto, dia ny olon-drehetra izay mivavaka amin'ny fanahy ihany no resahin'i Paoly amin'izany, fa tsy izay mivavaka amin'ny saina.

**ahoana no hitenenan'ny vahiny hoe "Amena"**

DH: "ny vahiny dia tsy hahay hiteny mihitsy hoe "Amena" ..."

**ny vahiny**

Ireo mety ho dikany: 1) "olona hafa" na 2) "olona vaovao ao amin'ny vondronao."

**hiteny hoe "Amena"**

"afaka miombon-kevitra"

**1 Corinthians 14:17****ianao dia tena manome**

Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny hoe amin'ny olona iray, ka "ianao" no ampiasaina eto.

**tsy miorina**

Miresaka ny fanampiana ny olona ho toy ny hoe fanorenana trano i Paoly. DH: "tsy manampy." Jereo ny fomba nandikanao ny hoe: "miorina" ao amin'ny 8:1.

**iray alina amin'ny fiteny**

"teny 10.000" na "teny tsy hita isa"

**1 Corinthians 14:20****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia milaza amin'izy ireo fa ny miteny amin'ny fiteny samihafa dia efa voalazan'Isaia mpaminany taona maro talohan'ny nisehoan'izany fitenenana tamin'ny fiteny hafa izany tamin'ny fanombohan'ny fiangonan'i Kristy.

**zaza**

"ireo olona izay azo fitahana mora foana"

**Ao amin'ny lalàna dia voasoratra hoe:**

DH: "voasoratra ny mpaminany ao amin'ny lalàna ireo teny ireo:"

**Amin'ny alalan'ny olona hafa fiteny sy amin'ny alalan'ny  
molotry ny vahiny**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika ary miaraka ampiasaina mba ho fanamafisana.

**1 Corinthians 14:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manome torolalana manokana ny amin'ny fomba hampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiangonana i Paoly.

**tsy ho an'ireo tsy mpino, fa ho an'ireo mpino**

DH: "ho an'ireo mpino irery ihany"

**tsy ho lazain'izy ireo fa adala ve ianareo?**

DH: "hiteny izy ireo fa adala ianareo."

**1 Corinthians 14:24**

**dia ho resy lahatra amin'izay rehetra henony izy. Ho  
tsaraina amin'ny alalan'izay rehetra voalaza izy**

Paoly dia milaza zavatra mitovy indroa mba ho fanamafisana. DH: "ho fantany fa meloka noho ny fahotana izy satria mandre izay lazainareo"

**Ho ambara ny tsiambaratelo ao am-pony**

DH: "Andriamanitra dia hanambara aminy ireo tsiambaratelon'ny fony"

**1 Corinthians 14:26****Inona izany no manaraka**

"Satria marina ny zavatra rehetra izay efa nolazaiko anareo, dia izao no tokony hataonareo"

**handika ny teny izay voalaza**

DH: "mandika izay nolazain'izy ireo"

**fandikan-teny ... handika teny**

Izany dia filazana izay lazain'ny olona amin'ny fiteny iray amin'ny olona hafa izay tsy mahazo izany fiteny izany. Jereo ny fomba nandikana izany ao amin'ny 2:12.

**1 Corinthians 14:29****Avelao hiteny ny mpaminany roa na telo**

Ireo mety ho dikany: 1) mpaminany roa na telo no miteny ao amin'ny fivoriana iray na 2) mpaminany roa na telo ihany no mifandimby miteny amin'ny fotoana iray.

**izay voalaza**

DH: "izay voalazan'izy ireo"

**raha misy fahitana omena izay**

DH: "raha manome fahitana ny olona iray Andriamanitra"

## 1 Corinthians 14:31

### **mifandimby maminany**

Olona iray ihany no tokony haminany amin'ny fotoana iray.

### **mba hahery ny rehetra**

DH: "tokony hampaherezinareo ny rehetra"

### **Andriamanitra dia tsy Andriamanitry ny fikorontanana**

Andriamanitra dia tsy namorona toe-javatra mampikorontan-tsaina amin'ny fampitenenana miaraka amin'ny fotoana iray ireo olona rehetra .

## 1 Corinthians 14:34

### **hitazona fahanginana**

Ireo mety ho dikany: 1) mitsahatra miteny, 2) mitsahatra miteny rehefa misy olona maminany, na 3) mangina tanteraka mandritra ny fanompoam-pivavahana.

### **Avy aminareo ve no niavian'ny tenin'Andriamanitra?**

#### **Ianareo irery ve no voakasik'izany?**

Manamafy i Paoly fa tsy ireo Korintiana irery ihany no mahazo izay tian'Andriamanitra ataon'ireo Kristiana. DH: "Ny tenin'Andriamanitra dia tsy avy

aminareo ao Korinto; tsy ianareo irery no olona afaka mahatakatra ny sitrapon'Andriamanitra."

## 1 Corinthians 14:37

### **tokony hanaiky izy**

Ny tena mpaminany na ny tena olona ara-panahy dia manaiky fa avy amin'ny Tompo izay nosoratan'i Paoly.

### **dia aoka izy tsy hahalala izany**

DH: "tsy tokony hahalala azy ianareo"

## 1 Corinthians 14:39

### **ary aza mandrara an'iza na iza hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra**

Ataon'i Paoly mazava fa ny miangona miresaka amin'ny teny tsy fantatra ao am-piangonana dia azo atao sy azo ekena.

### **Fa avelao ny zava-drehetra atao araka ny tokony ho izy sy am-pilaminana**

Manantitrantitra i Paoly fa ny fivoriam-piangonana dia tokony hatao amin'ny fomba milamina. DH: "Fa ataovy araka ny tokony ho izy sy am-pilaminana ny zavatra rehetra" na "Fa ataovy amin'ny fomba milamina, manara-dalàna ny zavatra rehetra"



## Chapter 15

<sup>1</sup> Ankehitriny mampahatsiahy anareo aho, ry rahalahy, ny amin'ny filazantsara izay nambarako taminareo, izay noraisinareo sy izay ijoroanareo. <sup>2</sup> Amin'ny alalan'izany filazantsara izany no havoavonjy anareo, raha mihazona mafy amin'ny teny notoriako taminareo ianareo, raha tsy hoe ninonino foana. <sup>3</sup> Fa natolotro ho zava-dehibe voalohany ho anareo izay voaraiko ihany koa: fa maty ho an'ny fahotantsika Kristy araka ny Soratra Masina, <sup>4</sup> ary nalevina Izy, ary Izy dia natsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina. <sup>5</sup> Kristy dia niseho tamin'i Kefasy, ary avy eo tamin'ireo roa ambin'ny folo; <sup>6</sup> avy eo dia niseho indray mandeha tamin'ireo rahalahy mihoatry ny dimanjato Izy. Mbola velona ny ankamaroan'izy ireo, fa ny sasany dia nodimandry. <sup>7</sup> Avy eo Izy niseho tamin'i Jakoba, avy eo tamin'ireo apostoly rehetra. <sup>8</sup> Farany indrindra, dia niseho tamiko Izy, toy ny hoe tamin'ny zaza teraka tsy tonga volana. <sup>9</sup> Fa izaho no kely indrindra amin'ireo apostoly. Izaho dia tsy mendrika ny antsoina hoe apostoly satria nanenjika ny fiangonan'Andriamanitra aho. <sup>10</sup> Fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra no naha toy izaho ahy, ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko. Fa kosa, niasa mafy kokoa noho izy rehetra aho. Nefa tsy izaho izany, fa ny fahasoavan'Andriamanitra izay miaraka amiko. <sup>11</sup> Noho izany na izaho izany na izy ireo, araka ny nitorianay dia araka izany no ninoanareo. <sup>12</sup> Ankehitriny raha nambara fa Kristy dia natsangana tamin'ny maty, ahoana no hafahan'ny sasany aminareo milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty? <sup>13</sup> Nefa raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tsy natsangana akory Kristy; <sup>14</sup> ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny fitorianay, ary foana ihany koa ny finoanareo. <sup>15</sup> Koa, dia hita ho vavolombelona diso momban' Andriamanitra izahay satria nijoro vavolombelona nanohitra an'Andriamanitra, niteny hoe natsangany Kristy rehefa tsy nanao izany Izy. <sup>16</sup> Raha tsy natsangana ny maty, dia na Kristy aza tsy natsangana; <sup>17</sup> ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo ary dia mbola ao amin'ny fahotanareo ianareo. <sup>18</sup> Ary izay rehetra maty ao amin'i Kristy dia efa very ihany koa. <sup>19</sup> Raha amin'ity fiainana ity ihany no ananantsika toky amin'ny ho avy ao amin'i Kristy, dia isika no mampahonena indrindra amin'ny olona rehetra. <sup>20</sup> Fa ankehitriny dia efa natsangana tamin'ny maty Kristy, ilay voaloham-bokatr'ireo izay maty. <sup>21</sup> Fa satria tonga tamin'ny alalan'ny olona iray ny fahafatesana, dia avy tamin'ny alalan'ny olona iray ihany koa no nihavian'ny fitsanganana amin'ny maty. <sup>22</sup> Fa toy ny nahafatesan'ny rehetra tao amin'i Adama, dia ho velomina ao amin'i Kristy ihany koa ny rehetra. <sup>23</sup> Kanefa samy ao amin'ny filaharany manokana ny tsirairay: Kristy, ilay voaloham-bokatra, ary avy eo ireo izay an'i Kristy dia ho atao velona amin'ny fiaviany. <sup>24</sup> Avy eo dia ho tonga ny farany, rehefa homeni'i Kristy ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakana. Izany dia rehefa hanafoana ny fitsipika rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery Izy. <sup>25</sup> Fa tsy maintsy manjaka Izy mandra-pametran'ny fahavalony rehetra ao ambanin'ny tongony. <sup>26</sup> Ny fahavalo farany ho haringana dia ny fahafatesana. <sup>27</sup> Fa "Napetrany teo ambanin'ny tongony avokoa ny zavatra rehetra." Fa voalaza fa: "Izy no nametraka ny zavatra rehetra," dia mazava tsara fa tsy tafiditra ao anatin'izany ilay iray nametraka ny zavatra rehetra hanaiky ny tenany. <sup>28</sup> Rehefa manaiky Azy ny zavatra rehetra, dia ny Zanaka mihitsy no hanaiky ilay iray izay nampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy. Hiseho izany mba ho rehetra ao amin'ny rehetra ny Andriamanitra Ray. <sup>29</sup> Na koa inona no ilaina ireo izay vita batisa ho an'ny maty? Raha tsy natsangana mihitsy ny maty, nahoana izy ireo no natao batisa ho an'izy ireo? <sup>30</sup> Nahoana ary, isika no am-bava loza isan'ora? <sup>31</sup> Miatrika fahafatesana isan'andro aho! Izany dia azo antoka tahaka ny fireharehako ny aminareo, izay azoko ao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika. <sup>32</sup> Inona no tombony azoko, avy amin'ny fomba fijerin'ny olombelona, raha niady tamin'ny biby tao Efesosy aho, raha tsy natsangana ny maty? "Aoka isika hihinana sy hisotro satria ho faty isika rahampitso." <sup>33</sup> Aza mety ho fitahana hoe: "Manimba ny fisainana tsara ny naman-dratsy." <sup>34</sup> Mandiniha! Miaina am-pahamarinana! Aza manohy manota! Fa ny sasany aminareo dia tsy manana fahalalana an'Andriamanitra. Milaza izany ho amin'ny fahamenaranareo aho. <sup>35</sup> Fa ny olona iray hiteny hoe: "Ahoana no nananganana ny maty, ary amin'ny karazana vatana inona no hatongavan'izy ireo?" <sup>36</sup> Tsy mahalala na inona na inoana ianareo! Izay hafafinareo dia tsy hanomboka hitombo raha tsy maty izany. <sup>37</sup> Izay nafafinareo dia tsy ny vatana izay ho avy, fa voa fostiny. Izany dia mety ho lasa vary na zavatra hafa. <sup>38</sup> Fa homeni'Andriamanitra azy ny vatana araka izay safidiany, ary samy amin'ny vatany avy ny voa tsirairay. <sup>39</sup> Tsy ny nofo rehetra no mitovy. Fa kosa, iray ny nofon'ny olombelona, dia hafa ny nofon'ireo biby, ary nofo hafa ny an'ireo vorona, ary hafa ny an'ny hazandrano. <sup>40</sup> Misy ihany koa ireo vatana any an-danitra sy ireo vatan'ny eto an-tany. Fa karazana iray ihany ny voninahitry ny vatana any an-danitra ary hafa ny voninahitry ny eto an-tany. <sup>41</sup> Iray ny voninahitry ny masoandro, ary hafa ny voninahitry ny volana, ary voninahitra hafa ny an'ireo kintana. Fa ny kintana iray miavaka amin'ny kintana iray hafa amin'ny voninahitra. <sup>42</sup> Toy izany koa ny fitsanganana amin'ny maty. Izay afafy dia mety simba, ary izay atsangana dia tsy mety simba. <sup>43</sup> Afafy tamin'ny fahafaham-baraka izany; dia natsangana am-

boninahitra. Afafy tamin'ny fahalemena izany; dia natsangana amin'ny hery. <sup>44</sup> Afafy amin'ny vatana voajanahary izany; dia atsangana ho vatana ara-panahy. Raha misy vatana voajanahary, dia misy vatana ara-panahy ihany koa. <sup>45</sup> Ary efa voasoratra ihany koa fa: "Lasa fanahy velona Adama ilay lehilahy voalohany" Ilay Adama farany dia lasa fanahy manome fiainana. <sup>46</sup> Fa tsy ny ara-panahy no tonga voalohany fa ny voajanahary, ary avy eo ny ara-panahy. <sup>47</sup> Ny olona voalohany dia avy amin'ny tany, namboarina tamin'ny vovoka. Ny olona faharoa dia avy any an-danitra. <sup>48</sup> Toy ilay iray namboarina tamin'ny vovoka, toy izany koa ilay olona any an-danitra, ary tahaka izany ihany koa ireo izay avy any an-danitra. <sup>49</sup> Toy ny nitondrantsika ny endrik'ilay olon'ny vovoka, dia hitondra ny endrik'ilay olon'ny lanitra ihany koa isika. <sup>50</sup> Ary izao no lazaiko, ry rahalahy, fa ny nofo aman-drà dia tsy afaka ny handova ny fanjakan'Andriamanitra. Na izay mety simba handova izay tsy mety simba. <sup>51</sup> Indro! Zava-marina mifaina no ho lazaiko anareo hoe: Tsy ho faty avokoa isika rehetra, fa hovaina avokoa isika rehetra. <sup>52</sup> Hiova isika amin'ny fotoana iray, ao anatin'ny indray mipi-maso, amin'ny trompetra farany. Haneno ny trompetra, ary ireo maty dia hatsangana ho tsy mety lo, ary dia hovaina isika. <sup>53</sup> Fa ity vatana mety simba ity dia tsy maintsy hitafy izay tsy mety lo, ary ity vatana mety maty ity dia tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana. <sup>54</sup> Fa rehefa mitafy ny tsy mety simba ity vatana mety simba ity, ary rehefa mitafy ny tsy fahafatesana ity vatana mety maty ity, dia ho tonga amin'ilay teny izay voasoratra hoe, "Voatelina tamin'ny fandresena ny fahafatesana." <sup>55</sup> "Ry fahafatesana, aiza ny fandresena? Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?" <sup>56</sup> Ny ota no fanindron'ny fahafatesana, ary ny herin'ny ota dia ny lalàna. <sup>57</sup> Fa isaorana Andriamanitra, izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika! <sup>58</sup> Noho izany, ry rahalahy malalako, miorena tsara ary aza miozongozona. Miroboroboa mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrarao fa tsy very maina ny asanareo ao amin'ny Tompo.

## 1 Corinthians 15:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia mampatsiahy azy ireo fa ny filazantsara dia mamonjy azy ireo ary milaza amin'izy ireo indray ny dikan'ny filazantsara izy. Avy eo izy dia manome azy ireo tantara fohy hakana lesona, izay mifarana amin'ny zavatra vao hitranga.

### mampahatsiahy anareo

"manampy anareo hahatadidy"

### izay hijoroanareo

Oharin'i Paoly amin'ny trano ireo Korintiana ary ny filazantsara toy ny hoe fototra izay hitsanganan'ny trano.

### hahavoavonjy anareo

DH: "Andriamanitra hamonjy anareo"

## 1 Corinthians 15:3

### zava-dehibe voalohany ho anareo

Ireo mety ho dikany: 1) ho manan-danja indrindra amin'ny zavatra maro na 2) ho voalohany amin'ny zavatra rehetra

### ho an'ny fahotantsika

"hanonitra ireo ota" na "mba hahafahan'Andriamanitra mamela ny fahotantsika"

### araka ny Soratra Masina

Paoly dia miresaka momba ny soratra ao amin'ny Testamenta Taloha.

### nalevina Izy

DH: "nalevin'izy ireo Izy"

### Izy dia natsangana

DH: "Andriamanitra nanangana Azy" na "nitsangana Izy"

## 1 Corinthians 15:5

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Raha ilainao atao fehezanteny feno ny andininy faha-5, dia farano amin'ny faingo ny 15:3 mba hahafahan'ny andininy faha-5 mameno ny fehezanteny izay nanomboka tao amin'ny 15:3.

### dia niseho

"naneho ny tenany tamin'ny"

### dimanjato

500

## 1 Corinthians 15:8

### Farany indrindra

"Farany, taorian'ny nisehoany tamin'ny hafa"

### ny zaza teraka tsy tonga volana

Izany dia fomba fiteny izay mety hilazan'i Paoly fa niova ho Kristiana taoriana kelin'ny apostoly hafa izy. Na ihany koa ny tiany ho lazaina dia hoe: tsy tahaka ireo apostoly hafa, tsy nijoro vavolombelona tamin'ny asa fanompoan'i Jesosy nandritra ny telo taona ngarangidina izy. DH: "olona iray izay tsy nahita ny zavatra niainan'ny hafa"

**1 Corinthians 15:10**

**ny fahasoavan'Andriamanitra no naha-toy izaho ahy**  
Ny fahasoavan'Andriamanitra na ny hatsaram-panahiny no nahatonga an'i Paoly ho toy ny maha-izy azy amin'izao fotoana izao.

**tsy foana ny fahasoavany ato amiko**

Paoly dia manambara amin'ny alalan'ny fanalefahan-teny fa Andriamanitra dia miasa amin'ny alalan'i Paoly. DH: "satria nalemy fanahy tamiko izy, dia afaka manao asa tsara maro aho"

**ny fahasoavan'Andriamanitra izay miaraka amiko**

Paoly dia miresaka ny asa izay afaka nataony satria Andriamanitra dia naneho hatsaram-panahy taminy toy ny hoe nanao io asa io ny fahasoavana. DH: Ireo mety ho dikany: 1) izany dia marina ara-bakiteny, ary Andriamanitra dia nanao ny asa ary nampiasa an'i Paoly ho fitaovana tamin'ny hatsaram-panahy na 2) Paoly dia nampiasa sarinteny ary milaza fa Andriamanitra dia tsara fanahy ka namela an'i Paoly hanao ilay asa ary mba hahatonga ny asan'i Paoly hanana vokatra tsara.

**1 Corinthians 15:12**

**ahoana no hahafahan'ny sasany aminareo milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty?**

Mampiasa izany fanontaniana izany Paoly mba hanombohana hevitra vaovao. DH: "tsy tokony hilaza ianareo fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty!"

**raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tsy natsangana akory Kristy**

Ny filazana fa tsy misy fitsanganana amin'ny maty dia toy ny milaza fa tsy nitsangana tamin'ny maty Kristy.

**1 Corinthians 15:15**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tian'i Paoly hahazo antoka izy ireo fa Kristy dia nitsangana tamin'ny maty.

**hita ho vavolombelona diso momban' Andriamanitra izahay**

Maneho hevitra i Paoly fa raha tsy nitsangana tamin'ny maty Kristy, dia mitondra fijoroana vavolombelona diso izy ireo na mandainga ny amin'ny fahatongavan'i Kristy ho velona indray.

**hita ho ... izahay**

"ny olona rehetra dia afaka mahita fa isika dia"

**dia foana ny finoanareo ary dia mbola ao amin'ny fahotananareo ianareo**

Ny finoan'izy ireo dia mifototra amin'i Kristy nitsangana tamin'ny maty, koa raha tsy niseho izany, dia tsy hahasoa azy ireo ny finoan'izy ireo.

**1 Corinthians 15:18**

**amin'ny olona rehetra**

"amin'ny olona rehetra, ao anatin'izany ny mpino sy tsy mpino"

**isika no mampahonena indrindra amin'ny olona rehetra**

"ny olona dia tokony halahelo bebe kokoa antsika noho izay ataon'izy ireo ho an'ny olon-kafa"

**1 Corinthians 15:20**

**ankehitryny ... Kristy**

"araka izany, Kristy" na "izao no marina: Kristy dia"

**natsangana tamin'ny maty Kristy**

DH: "Andriamanitra nanangana an'i Kristy"

**1 Corinthians 15:22**

**Adama**

Adama dia ilay olona iray izay noharian'Andriamanitra voalohany. Izy sy Eva vadiny dia natao araka ny endrik'Andriamanitra.

**fahafatesana, maty**

Ireo teny ireo dia ampiasaina mba hilazana ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy. Raha ara-batana, dia hilazana ny fotoana hahataperan'ny ain'ny olona iray. Raha ara-panahy, dia hilazana ny fisarahan'ny mpanota iray amin'Andriamanitra masina noho ny fahotany.

**Kristy, Mesia**

Ny teny hoe: "Mesia" sy "Kristy" dia midika hoe: "Ilay Voaosotra" ary maneho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**fiainana, miaina, velona**

Ireo teny ireo dia maneho ny fahavelomana ara-batana. Ampiasaina ho sarinteny ihany koa ireo mba hanehoana ny fahavelomana ara-panahy.

**voaloham-bokatra**

Ny teny hoe: "voaloham-bokatra" dia hilazana ny ampahany amin'ny voaloham-bokatra sy legioma izay jinjaina isaky ny fotoan'ny fiakaram-bokatra.

**1 Corinthians 15:24**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "izy" sy "-ny" dia maneho an'i Kristy.

**hanafoana ny fitsipika rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery Izy**

"hampitsahatra ireo olona izay manapaka, manana fahefana, ary izay manana hery hanaovana izay ataon'izy ireo izy"

**mandra-pametrany ny fahavalony rehetra ao ambanin'ny tongony**

Ireo mpanjaka izay nandresy tamin'ny ady dia hametraka ny tongotr'izy ireo eo amin'ny tendan'izay resin'izy ireo. DH: "mandra-pamotehan'Andriamanitra tanteraka ireo fahavalon'i Kristy"

**Ny fahavalo farany ho haringana dia ny fahafatesana**  
Oharin'i Paoly amin'ny olona iray izay hovonoin'Andriamanitra ny fahafatesana eto. DH: "'Ny fahavalo farany izay hopotehan'Andriamanitra dia ny fahafatesana"

## 1 Corinthians 15:27

**Napetrany teo ambanin'ny tongony avokoa ny zavatra rehetra**

Ireo mpanjaka izay nandresy tamin'ny ady dia hametraka ny tongotr'izy ireo eo amin'ny tendan'izay resin'izy ireo. DH: "Andriamanitra dia efa namotika tanteraka ireo fahavalon'i Kristy." Jereo ny fomba nandikana ny teny hoe: "mametraka ... ambanin'ny tongony" ao amin'ny 15:24.

**manaiky Azy ny zavatra rehetra**  
DH: "Andriamanitra nampanaiky ny zavatra rehetra an'i Kristy"

**ny Zanaka mihitsy no hanaiky**  
DH: "ny Zanaka mihitsy no ho tonga mpanaiky"

**ny Zanaka mihitsy**  
Ao amin'ireo andininy teo aloha dia natao hoe: "Kristy" izy. DH: "Kristy, izany hoe, ny Zanaka izy tenany"

**Zanaka ... Ray**  
Fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra.

## 1 Corinthians 15:29

**Na koa inona no ilaina ireo izay vita batisa ho an'ny maty?**  
Tian'i Paoly hahafantatra ireo Korintiana na dia tsy misy azy miteny azy ireo aza. DH: "Raha tsy izany dia ho tsy misy dikany ho an'ireo Kristiana ny fandraisana ny batisa ho an'ny maty."

**nahoana izy ireo no natao batisa ho an'izy ireo?**  
Tian'i Paoly hahafantatra ireo Korintiana na dia tsy misy azy miteny azy ireo aza. DH: "tsy misy antony ho azy ireo ny fandraisana ny batisa ho an'ny olona maty."

**Nahoana ary, isika no am-bava loza isan'ora?**  
DH: "tsy mahazo na inona isika na dia am-bava loza isan'ora aza."

## 1 Corinthians 15:31

**Miatrika fahafatesana isan'andro aho! Izany dia azo antoka tahaka ny fireharehako ny aminareo**  
"Mirehareha ny aminareo aho, mba hahafantaran'ny olona rehetra fa miteny ny marina aho rehefa milaza fa miatrika fahafatesana isan'andro"

**Miatrika fahafatesana isan'andro aho**  
Paoly dia mety miresaka ny amin'ny 1) fanehoana isan'andro ny fahafatesan'i Kristy amin'ny famonoana ny filàny manokana hanota na 2) fiainana isan'andro amin'ny fahafantarana fa ny olona dia miezaka ny hamono azy ara-batana.

**ny fireharehako ny aminareo**  
"ny fomba hilazako ny fahatsaranareo amin'ireo olona hafa"

**Inona no tombony azoko, avy amin'ny fomba fijerin'ny olombelona, raha niady tamin'ny biby tao Efesosy aho ... tsy natsangana?**  
Irian'i Paoly ireo Korintiana hahafantatra na dia tsy misy azy miteny azy ireo aza. DH: "Tsy mahazo na inona aho ... tamin'ny alalan'ny fiadiana tamin'ireo biby tany Efesosy ... tsy natsangana."

**niady tamin'ny biby tao Efesosy aho**  
Paoly dia maneho zavatra izay efa vita ankehitriny. Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia niresaka momba ny fifandirana tamin'ireo mpanompo sampy na tamin'ny fifanoherana tamin'ny hafa tamin'ireo olona izay naniry ny hamono azy na 2) nentina teo amin'ny kianja izy mba hiady amin'ireo biby lozabe.

**Aoka isika hihinana sy hisotro, satria ho faty isika rahampitso**  
Faranan'i Paoly amin'ny hoe: raha tsy misy fiainana intsony aorian'ny fahafatesana, dia tsara kokoa ho antsika ny mankafy an'ity fiainana ity araka izay tratrantsika, satria rahampitso ny fiainantsika dia hifarana ary tsy misy fanantenana hafa.

## 1 Corinthians 15:33

**Manimba ny fisainana tsara ny naman-dratsy**  
Raha niara-niaina tamin'ny olon-dratsy ianareo, dia hanao toa azy ireo. Paoly dia nampiasa fomba fiteny mahazatra.

**Mandiniha**  
"Tsy maintsy mieritreritra tsara ny momba izany ianareo"

## 1 Corinthians 15:35

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Manome antsipiriany kely momba ny fitsanganan'ny vatan'ireo mpino amin'ny maty i Paoly. Manome sarisarin'ireo vatana ara-nofy sy ara-panahy izy ary mampitaha an'i Adama lehilahy voalohany amin'i Adama farany, dia i Kristy.

**Fa ny olona iray hiteny hoe: "Ahoana no nananganana ny maty, ary amin'ny karazana vatana inona no hahatongavan'izy ireo?"**

Ireo mety ho dikany: 1) Manontany am-pahamatorana ilay olona iray na 2) mampiasa fanontaniana ilay olona iray mba hanesoana ny hevitra ny fananganana amin'ny maty. DH: "Fa ny sasany hilaza fa tsy afaka hahazo an-tsaina ny fomba hananganan'Andriamanitra ny maty izy ireo, ary vatana toy ny ahoana no homen'Andriamanitra azy ireo amin'ny fananganana amin'ny maty."

**olona iray hiteny hoe:**

"olona iray hanontany hoe:"

**amin'ny karazana vatana inona no hahatongavan'izy ireo**

Izany hoe, ho vatana ara-nofa ve izany sa arapanahy? Ho tahaka ny ahoana ny endriky ny vatana? Ho vita amin'ny inona izany vatana izany?

**Tsy mahalala na inona na inona ianao! Izay hafafinareo**  
Ataon'i Paoly toy ny hoe olona iray ireo Korintiana, ka "ianao" no ampiasaina eto.

**Tsy mahalala na inona na inona ianao**

"Tsy mahafantatra ny momba izany ianao"

**Izay hafafinao dia tsy hanomboka hitombo raha tsy maty izany**

Ny voa dia tsy hitombo raha tsy nalevina any amin'ny tany aloha voalohany. Toy izany koa, ny olona iray dia tsy maintsy maty aloha izay vao afaka hatsangan'Andriamanitra amin'ny maty izy.

### 1 Corinthians 15:37

**Izay nafafinareo dia tsy ny vatana izay ho avy**  
Mampiasa sarinteny momba ny voa indray i Paoly mba hilazana fa Andriamanitra dia hanangana ny vatana mangatsiakan'ny mpino, fa izany vatana izany dia tsy ho tahaka ny teo aloha.

**Izay nafafinao**

Ataon'i Paoly toy ny miresaka amin'ny olona iray ny miresaka amin'ireo Korintiana, ka "ianao" no ampiasaina eto.

**Andriamanitra hanome ny vatana araka izay nosafidiany**  
"Andriamanitra dia hanapa-kevitra izay karazam-batana homeny"

**nofo**

Raha ny resaka momban'ny biby, "ny nofo" dia afaka adika toy ny hoe "vatana," "hoditra," na "hena."

### 1 Corinthians 15:40

**ireo vatana any an-danitra**

Ireo mety ho dikany: 1) ny masoandro, ny volana, ireo kintana, ary ireo karazana fahazavana hafa hita eny amin'ny lanitra na 2) zavatra ny lanitra, tahaka ireo anjely na ireo zava-boaary mihoatra ny natiora.

**ireo vatan'ny eto an-tany**

Izany dia maneho ny olombelona.

**karazana iray ihany ny voninahitry ny vatana any an-danitra ary hafa ny voninahitry ny eto an-tany**

"ny voninahitra izay hananan'ny vatana any an-danitra dia samihafa amin'ny voninahitry ny vatan'olombelona"

**voninahitra**

Eto ny hoe: "voninahitra" dia manambara ny famirapiratan'ny zavatra eny amin'ny lanitra amin'ny mason'ny olombelona.

### 1 Corinthians 15:42

**Izay afafy ... izay hatsangana ... Afafy ... afafy**

Ataon'ny mpanoratra toy ny hoe olona mamafy voan-java-maniry izay hamao ny olona mametraka faty ao am-pasana. DH: "Izay miditra ao am-pasana ... izay mivoaka avy ao am-pasana ... dia miditra ao am-pasana ... mivoaka avy ao am-pasana" na "Izay alevin'ny olona ... izay hatsangan'Andriamanitra ... Ny olona mandevina izany ... Andriamanitra manangana izany"

**mety simba ... tsy mety simba**

"mety lo ... tsy mety lo"

### 1 Corinthians 15:45

**Fa tsy ny ara-panahy no tonga voalohany fa ny voajanahary, ary avy eo ny ara-panahy**

"ny voajanahary no tonga voalohany. Ny ara-panahy avy amin'Andriamanitra ary tonga taty aoriana."

**voajanahary**

noforonina araka ny fomban-tany, ary mbola tsy nisy fifandraisana tamin'Andriamanitra

### 1 Corinthians 15:47

**Ny olona voalohany dia avy amin'ny tany, namboarina tamin'ny vovoka**

Andriamanitra nanao an'ilay lehilahy voalohany, dia i Adama, avy tamin'ny vovoka.

**vovoka**

"fotaka"

**olona any an-danitra**

Jesosy Kristy

**ireo izay avy any an-danitra**

"ireo izay an'Andriamanitra"

**hitondra**

"manaiky sy manahaka"

**1 Corinthians 15:50****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia maniry azy ireo ho tonga saina fa misy ireo mpino sasany dia tsy ho faty ara-batana fa mbola hitsangana amin'ny maty amin'ny alalan'ny fandresen'i Kristy.

**fa ny nofo aman-drà dia tsy afaka ny handova ny fanjakan'Andriamanitra. Na izay mety simba handova izay tsy mety simba**

Ireo mety ho dikany: 1) ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy hevitra. DH: "ireo olombelona izay ho faty tokoa dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra maharitra" na 2) ny fehezanteny faharoa dia mamarana ny hevitr'ilay voalohany. DH: "ireo olombelona malemy dia tsy afaka ny handova ny fanjakan'Andriamanitra. Na ireo izay tena maty dia tsy handova ny fanjakana izay haharitra mandrakizay"

**nofo aman-drà**

Ireo monina ao amin'ny vatana izay voaheloka ho faty.

**handova**

Handray ny fampanantenana nomen'Andriamanitra an'ireo mpino toy ny hoe mandova fananana sy harena amin'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana.

**mety simba ... tsy mety simba**

"mety lo ... tsy mety lo." Jereo ny fomba nandikana ireo teny ireo ao amin'ny 15:42.

**fa hovaina avokoa isika rehetra**

DH: "Andriamanitra hanova antsika rehetra"

**1 Corinthians 15:52****Hiova isika**

"Andriamanitra hanova antsika"

**ao anatin'ny indray mipi-maso**

Izany dia hitranga haingana dia haingana tahaka ny olona iray izay mipi-maso.

**amin'ny trompetra farany**

"rehefa maneno ny trompetra farany"

**mety simba ... ity vatana mety simba ity ... tsy mety simba**

"amin'ny endrika iray izay tsy mety lo ... izany vatana izany dia mety lo ... tsy mety lo." Jereo ny

fandikana ny fehezanteny mitovy amin'ireo ao amin'ny 15:42.

**tsy maintsy hitafy**

Paoly dia miresaka ny fanaovan'Andriamanitra ny vatantsika mba tsy ho faty intsony toy ny hoe mampitafy fitafiana vaovao antsika Izy.

**1 Corinthians 15:54****tsy mety simba ity vatana mety simba ity**

"tsy mety lo izany vatana izany ... tsy mety lo." Jereo izay ao amin'ny 15:42.

**Ry fahafatesana, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?**

Paoly dia milaza izany mba hanamavoana ny herin'ny fahafatesana izay efa resin'i Kristy. DH: "Ny fahafatesana dia tsy manam-pandresena. Ny fahafatesana dia tsy manana fanindronana."

**1 Corinthians 15:56****Ny ota no fanindron'ny fahafatesana**

Amin'ny alalan'ny fahotana no nandaharana antsika hiatrika ny fahafatesana, izany hoe ho faty.

**ny herin'ny ota dia ny lalàna**

Ny lalàn'Andriamanitra izay nampitainy tamin'i Mosesy dia mamaritra ny fahotana sy mampiseho antsika ny fomba nanotantsika teo anatrehan'Andriamanitra.

**manome antsika ny fandresena**

"nandresy ny fahafatesana ho antsika"

**1 Corinthians 15:58****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tian'i Paoly hahatsiaro ny fiovana, ny fitsanganan'ny vatana izay homen'Andriamanitra azy ireo ireo mpino rehefa miasa ho an'ny Tompo.

**miorena tsara ary aza miozongozona**

Oharin'i Paoly amin'ny hoe tsy afa-mihetsika ara-batana ny olona iray izay tsy mamela na inona na inona hanakana azy hanatanteraka ny fanapahan-keviny. DH: "manapaha hevitra"

**Miroboroboa mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo**

Paoly dia miresaka ny ezaka izay natao tamin'ny fiasana ho an'ny Tompo toy ny hoe zavatra mivaingana izay azon'ny olona raisina. DH: "Miasa am-pahatokiana mandrakariva ho an'ny Tompo"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Ary mahakasika ny fanangonam-bola ho an'ireo mpino, araka ny nanoroako lalana ny fiangonan'i Galatia, dia toy izany koa no tokony ataonareo. <sup>2</sup> Amin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia tokony hanokana zavatra ny tsirairay aminareo ary hitahiry izany araka izay vitanareo. Manaova izany mba tsy hisian'ny fanangonam-bola rehefa tonga aho. <sup>3</sup> Rehefa tonga aho, na iza na iza ekenareo, dia alefako miaraka amin'ny taratasy mba hanolorako ny fanatitrareo ho an'i Jerosalema. <sup>4</sup> Raha toa ka mety amiko ihany koa ny mandeha, dia handeha hiaraka amiko izy ireo. <sup>5</sup> Fa ho avy any aminareo aho rehefa mandalo an'i Makedonia. Fa handalo an'i Makedonia aho. <sup>6</sup> Mety afaka hijanona miaraka aminareo aho na mandritra ny ririnina mihitsy aza, mba hahafahanareo manampy ahy amin'ny diako, na aiza na aiza alehako. <sup>7</sup> Fa tsy maniry ny hahita anareo mandritra ny fotoana fohy aho izao. Fa manantena ny hitoetra maharitraritra miaraka aminareo, raha avelan'ny Tompo. <sup>8</sup> Fa hijanona ao Efesaosy aho mandra-pahatongan'ny Pentekosta, <sup>9</sup> fa efa varavarana malalaka no nisokatra ho ahy, ary misy fahavalo maro. <sup>10</sup> Ary rehefa tonga Timoty, dia ezaho mba tsy hatahotra izy miaraka aminareo, fa manao ny asan'ny Tompo izy, tahaka ny ataoko. <sup>11</sup> Aza avela hisy olona hanao tsinontsinona azy. Ampio izy amin'ny lalany amin'ny fiadanana, mba hafahany mankeo amiko. Fa manantena azy mba ho tonga hiaraka amin'ireo rahalahy aho. <sup>12</sup> Ary mahakasika an'i Apolosy rahalahintsika, dia nampirisika azy mafy aho mba hamangy anareo miaraka amin'ireo rahalahy. Fa mbola tsy vonona tanteraka ny ho avy izy izao. Na izany aza, ho tonga izy rehefa mety ny fotoana. <sup>13</sup> Miambena, mijoroa tsara amin'ny finoana, miasa tahaka ny lehilahy, mahereza. <sup>14</sup> Aoka ho atao am- pitivana izay ataonao rehetra. <sup>15</sup> Fantatrareo ny ankohonan'i Stefanasy, fa izy ireo no niova fo voalohany tao Asaia, ary izy ireo nametraka ny tenan'izy ireo ho amin'ny fanompoana ireo mpino. Ary mamporisika anareo aho, ry rahalahy, <sup>16</sup> mba hanaiky ny olona toy izany sy amin'ny olona rehetra izay manampy amin'ny asa sy miasa miaraka aminay. <sup>17</sup> Mifaly amin'ny fahatongavan'i Stefanasy, Fortunatasy, ary Akaiosy aho. Nameno ny tsy naha-teo anareo izy ireo. <sup>18</sup> Fa namelombelona ny fanahiko sy ny anareo izy ireo. Ka noho izany, fantaro ny olona toy izany. <sup>19</sup> Ireo fiangonan'i Asia dia manao veloma anareo. Akila sy Pritsila dia manao veloma anareo ao amin'ny Tompo, miaraka amin'ny fiangonana izay ao amin'ny fonenan'izy ireo. <sup>20</sup> Ny rahalahy rehetra manao veloma anareo. Mifanaova veloma amin'ny oroka masina. <sup>21</sup> Izaho, Paoly, manoratra ity amin'ny tanako. <sup>22</sup> Raha misy olona tsy tia ny Tompo, enga anie mba ho voaozona izy. Ho tonga, ny Tompontosika! <sup>23</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavan'ny Jesosy Tompo. <sup>24</sup> Ho aminareo rehetra ny fitiavako ao amin'i Jesosy Kristy. <sup>[1]</sup>

### Footnotes

16:24 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia manampy hoe: "Amena." Fa ny vaovao maro hafa, ao anatin'izany ny ULB sy ny UDB, dia manala izany.

### 1 Corinthians 16:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ao amin'ny fanamarihana ny famaranany, Paoly dia mampatsiahy ireo Korintiana mpino mba hanangona ny vola ho an'ireo mpino mila fanampiana any Jerosalema. Mampatsiahy azy ireo fa ho avy any amin'izy ireo Timoty alohan'ny handehanany any amin'i Paoly.

#### ho an'ireo mpino

Nanangona ny vola avy amin'ireo fiangonana ho an'ireo Jiosy Kristiana mahantra any Jerosalema sy Jodia i Paoly.

#### araka ny nanoroako lalana

"tahakan'ny nanomezako torolalana manokana"

#### hitahiry izany

Ireo mety ho dikany: 1) "avelao any an-trano izany" na 2) "avelao miaraka amin'ny fiangonana izany"

**mba tsy hisian'ny fanangonam-bola rehefa tonga aho**  
"mba tsy ho voatery hanangona vola be ianareo rehefa miaraka aminareo aho"

### 1 Corinthians 16:3

#### na iza na iza ekenareo

Paoly dia miresaka amin'ny fiangonana mba hisafidy ny sasany amin'ny olon'izy ireo mba hakana ny fanomezan'izy ireo ho an'i Jerosalema. "na iza na iza safidinareo" na "ny olona izay voatondronareo"

**alefako miaraka amin'ny taratasy**

Ireo mety ho dikany: 1) "alefako miaraka amin'ny taratasy izay hosoratako" na 2) "Alefako miaraka amin'ny taratasy izay hosoratanareo."

**1 Corinthians 16:5****mba hahafahanareo manampy ahy amin'ny diako**

Izany dia midika fa mety hanome vola na zavatra hafa izay ilain'i Paoly izy ireo mba hahafahany izy sy ny vondron'ny asa fanompoany manohy ny dia.

**1 Corinthians 16:7****tsy maniry ny hahita anareo**

Paoly dia manambara fa maniry ny hamangy azy ireo mandritra ny fotoana lava izy aoriana ao, fa tsy fotoana fohy.

**Pentekosta**

Paoly dia hijanona any Efesosy mandra-pahatongan'ny fety, izay atao isaky ny May na Jona, 50 andro aorian'ny Paka. Handeha hamakivaky an'i Makedonia izy, ary avy eo hiezaka ny ho tonga any Korinto mialohan'ny ririnina izay manomboka ny Novambra.

**varavarana malalaka no nisokatra**

Resahin'i Paoly toy ny hoe varavarana izay nosokafan'Andriamanitra mba hahafahany miditra amin'ny alalan'izany ny fahafahana nomen'Andriamanitra azy mba hahazo olona ho amin'ny filazantsara.

**1 Corinthians 16:10****ezaho mba tsy hatahotra izy miaraka aminareo**

"tandrema mba tsy hisy antony hatahorany miaraka aminareo"

**Aza avela hisy olona hanao tsinontsinona azy**

Satria Timoty dia tanora kokoa noho i Paoly, ka indraindray dia tsy mampiseho ny fanajana izay mendrika ny asa fanompoana ho an'ny filazantsara izy.

**Apolosy rahalahintsika**

Eto ny teny hoe: "antsika" dia maneho an'i Paoly sy ireo mpamaky ny bokiny.

**1 Corinthians 16:13****Miambena, mijoroa tsara amin'ny finoana, miasà tahaka ny lehilahy, mahereza**

Faritan'i Paoly toy ny hoe manome baiko efatra ho an'ny miaramila an'ady ny zavatra tiany ho ataon'ireo Korintiana. Ireo baiko efatra ireo dia saika mitovy dika ary ampiasaina mba ho fanamafisana.

**Miambena**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mpiambina tanàna na tanim-boaloboka ny fahafantarana izay zavatra

mitranga. DH: "Mitandrema amin'izay hinoanareo" na "Mitandrema amin'ny loza"

**mijoroa tsara amin'ny finoana**

Resahin'i Paoly toy ny hoe miaramila tsy manaiky hilavo lefona rehefa tafihan'ny fahavalo ny olona manohy mino an'i Kristy araka ny fampianarany. Ireo mety ho dikany: 1) "minoa hatrany hatrany izay nampianarinay anareo" na 2) "mahatokia hatrany hatrany an'i Kristy"

**miasà tahaka ny lehilahy**

Ao anatin'ny fiaraha-monina izay niainan'i Paoly sy ny mpihaino azy, matetika ireo lehilahy dia mamelona ny fianakaviana amin'ny fanaovana asa mafy sy fiadiana amin'ny mpanafika. DH: "mandraisa andraikitra"

**Aoka ho atao am- pitivana izay ataonao rehetra**

"ny zavatra rehetra izay hataonao dia tokony haneho amin'ny olona fa tianao izy ireo"

**1 Corinthians 16:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manomboka mamarana ny taratasy sy manao veloma avy amin'ireo fiangonana hafa, ary koa avy amin'i Priska, Akila, ary Paoly izy tenany.

**ny ankohonan'i Stefanasy**

Stefanasy dia ilay iray tamin'ireo mpino voalohany tao amin'ny fiangonana Korinto.

**Asaia**

Anarana faritany Grika iray.

**1 Corinthians 16:17****Stefanasy, Fortinatasy, ary Akaiosy**

Ireo lehilahy ireo no mpino Korintiana voalohany na loholom-piangonana izay mpiara-miasa tamin'i Paoly.

**Stefanasy, Fortinatasy, ary Akaiosy**

Anaran-dehilahy ireo.

**Nameno ny tsy naha-teo anareo izy ireo**

"Izy ireo no nameno ny tsy naha-teo anareo."

**Fa namelombelona ny fanahiko**

Milaza i Paoly fa nahery nohon'ny famangian'izy ireo.

**1 Corinthians 16:19****fiangonana, Fiangonana**

Ao amin'ny Testamenta vaovao, ny teny hoe: "fiangonana" dia maneho ireo vondron'ny mpino an'i Jesosy izay mivory matetika mba hivavaka sy handre ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra. Ny teny hoe: "Fiangonana" dia matetika maneho an'ireo Kristiana rehetra.



**Asia**

Tamin'ny andron'ny Baiboly, "Asia" dia anaran'ny faritanin'ny Fanjakana Romana. Any andrefan'ny firenena izay efa antsoina hoe Torkia ankehitriny.

**Akila**

Akila dia ilay Jiosy Kristiana avy amin'ny faritanin'i Ponto, ilay faritra any amin'ny morontsiraka atsimon'ny Ranomasina Mainty.

**Pritsila**

Pritsila sy Akila vadiny dia Jiosy Kristiana izay niasa niaraka tamin'i Paoly Apostoly tamin'ny asa misionera nataony.

**Tompo**

Ny teny hoe: "Tompo" dia hilazana ny olona izay manana ny fananana na fahefana amin'ny olona. Rehefa atao sora-baventy izany, dia fiantsoana hilazana an'Andriamanitra. (Marihina nefa fa rehefa ampiasaina toy ny endrika hiresahana olona na any amin'ny fanombohana fehezanteny dia afaka atao sora-baventy izany ary midika hoe: "tompo" na "andriamatoa."

**masina, fahamasinana**

Ny teny hoe: "masina" sy "fahamasinana" dia maneho ny toetran'Andriamanitra izay voatokana tanteraka ary misaraka amin'ny zavatra rehetra izay feno fahotana sy tsy tonga lafatra.

**oroka**

Ny oroka dia fihetsika iray izay hametrahan'ny olona iray ny molony amin'ny molotra na tarehin'olona iray hafa. Izany teny izany ihany koa dia afaka ampiasaina tsy ara-bakiteny.

**1 Corinthians 16:21**

**1Izaho, Paoly, manoratra ity amin'ny tanako**

Ataon'i Paoly mazava tsara fa ireo fampianarana ao amin'ity taratasy ity dia avy aminy, na dia ny iray amin'ireo mpiara-miasa aminy aza no manoratra izay lazain'i Paoly ao amin'ny ambin'ny taratasy. Ny tanan'i Paoly mihitsy no nanoratra ny ampahany farany.

**enga anie mba ho voaozona izy**

"enga anie Andriamanitra mba hanozona azy." Jereo ny fomba nandikana ny "voahozona" ao amin'ny 12:1.

## Book: 2 Corinthians

### 2 Corinthians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostoly iray an'i Kristy Jesosy tamin'ny sitrapon'Andriamanitra, sy Timoty rahalahintsika, ho an'ny fiangonan'Andriamanitra izay ao amin'ny Korinto, ary ho an'ireo mpino rehetra manerana ny faritry Akaia. <sup>2</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavana ary ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Tompo Jesosy Kristy. <sup>3</sup> Ho deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'ny Tompontosika Jesosy Kristy. Izy no Rain'ny famindram-po rehetra sy Andriamanitra ny fampiononana rehetra. <sup>4</sup> Andriamanitra dia mampionona antsika amin'ny fahoriantika rehetra, ka mba ahafahantsika mampionona ireo izay ao anaty fahoriana. Isika dia mampionona ireo hafa tahaka ny fampiononana izay nampiasan'Andriamanitra ampiononana antsika. <sup>5</sup> Fa tahaka ny hitomboan'ny fijalian'i Kristy nohon'ny aminay, no hitomboan'ny fampionona anay koa amin'ny alalan'i Kristy. <sup>6</sup> Fa raha nampahoriana izahay, izany dia ho an'ny fampiononana sy famonjena anareo. Ary raha mampiononona izahay, izany dia ho an'ny fampiononana anareo. Ny fampiononanareo dia mandaitra rehefa manam-paharetana hizara ireo fijaliana izay mitovy amin'ny fijalianay koa. <sup>7</sup> Fa ny fahatokisanay momba anareo dia azo antoka, satria izahay dia mahafantatra fa ianareo koa dia mizara ireo fijaliana, ianareo koa dia mizara fampiononana. <sup>8</sup> Fa tsy tianay ianareo tsy ahafantatra, ry rahalahy, ny amin'ireo olana nanjo anay tany Asia. Izahay dia novesarina tanteraka mihoatran'izay tokony ho zakanay, betsaka loatra ka tsy nanantena ny hiaina ela intsony izahay. <sup>9</sup> Teo aminay tokoa ny fanamelohana ho faty. Fa izany no nahatonga anay tsy hametraka ny tokinay eo amin'ny tenanay ihany, fa kosa amin'Andriamanitra izay mampitsangana ny maty. <sup>10</sup> Nanavotra anay tamin'ny loza mahafaty tahaka izany Izy, ary mbola hanavotra indray. Izahay dia nametraka ny tokinay taminy fa mbola hanafaka anay indray Izy. <sup>11</sup> Izy dia hanao izany satria ianareo koa dia manampy anay amin'ny alalan'ny vavakareo. Ary maro avy eo no hanome fisaorana amin'ny anaranay noho ny tombom-pahasoavana nomena anay tamin'ny alalan'ireo vavaka ny maro. <sup>12</sup> Izahay dia mirehareha amin'izao: fijoroana vavolombelona ny amin'ny feon'ny fieritreretany. Fa tamin'ny fikasana madio sy fahatsoram-po izay avy amin'Andriamanitra izay nitondranay ny tenanay ao amin'izao tontolo izao. Izahay dia nahavita izany rehetra izany ary ny ankabeazany niaraka taminareo—tsy tamin'ny fahendren'izao tontolo izao, fa tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra. <sup>13</sup> Izahay dia tsy nanoratra zavatra tsy ho voavaky na ho azonareo. Izaho dia manantena fa, <sup>14</sup> satria ianareo nahazo ny momba anay amin'ny ampahany, izahay dia ho anton'ny reharenanareo amin'ny andron'ny Tompontosika Jesosy, tahaka anareo ho antony hireharehanay. <sup>15</sup> Satria natoky ny momba izany aho, dia te ho any aminareo aloha, mba hahafahanareo mahazo tombony amin'ny fitsidihana roa. <sup>16</sup> Niomana ny hitsidika anareo rehefa teny amin'ny lalako ho any Makedonia aho. Ary avy eo dia mbola naniry hitsidika anareo indray aho tamin'ny diako avy any Makedonia, ary ny mba hanateranareo ahy teny amin'ny lalako ho any Jodia ay eo. <sup>17</sup> Rehefa nieritreritra toy izany aho, nialasala ve aho? Nanomana ireo zavatra ireo araka ny nofo ve aho, mba itenenako "Eny, eny" sy "Tsia, tsia" amin'ny fotoana iray ihany? <sup>18</sup> Fa satria Andriamanitra dia mahatoky, isika dia tsy afaka ny hiteny na "Eny" na "Tsia." <sup>19</sup> Fa ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, izay nitorian'i Sylvanosy, Timoty ary izaho taminareo, dia tsy "Eny" na "Tsia." fa Izy dia niteny foana hoe "Eny." <sup>20</sup> Satria ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra dia "Eny" avokoa ao aminy. Ka amin'ny alalany koa isika dia hiteny hoe "Amena" ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. <sup>21</sup> Ary Andriamanitra izay manamafy anay aminareo ao amin'i Kristy, ary Izy no naniraka antsika. <sup>22</sup> Izy dia nanisy tombo-kase tamintsika ary nanome ny Fanahy ho ao am-pontosika ho antok'izay mbola ho omeny antsika ao aoriana. <sup>23</sup> Fa niantso an'Andriamanitra aho, hijoro vavolombelona ho ahy izay antony tsy nahatongavako tao Korinto mba hamindrako fo aminareo. <sup>24</sup> Izany dia tsy sanatria noho izahay miezaka ny mamehy izay tokony ho finoanareo. Fa kosa, izahay dia miara-miasa aminareo amin'ny fifalianareo, satria ianareo mijoro ao amin'ny finoanareo.

## 2 Corinthians 1:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Aorian'ny fiarahabana'i Paoly ny fiangonana any Korinto, dia manoratra momba ny fijaliana sy fampiononana tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy izy. Timoty dia niaraka taminy koa.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe "ianareo" rehetra amin'ity taratasy ity dia manondro ny olona ao amin'ny fiangoanana ao Korinto ary ny Kristianina sisa tao amin'izany faritra izany. Mety ho i Timoty no manoratra amin'ny taratasy ireo teny izay lazain'i Paoly.

### Paoly...an'ny fiangonan'Andriamanitra izay ao amin'ny Korinto

Ny fiteninao dia mety hanana ny fombany manokana hanampidirana ny mpanoratra ny taratasy ary ny mpamaky izany. DH: "Izaho, Paoly .... manoratra ity taratasy ity ho anareo, ny fiangonan'Andriamanitra izay any Korinto"

### Timoty rahalahintsika

Izany dia manondro an'i Paoly sy ireo Korintiana nahafantatra an'i Timoty ary nanao azy ho rahalahy ara-panahin'izy ireo.

### Akaia

Izany dia anaran'ilay faritany Romana ao amin'ny ilany antsimon'ny Gresy ankehitriny.

### Ho aminareo anie ny fahasovana ary ny fiadanana

Izany dia fiarahabana iombonana izay ampiasain'i Paoly ao amin'ireo taratasy.JJL

## 2 Corinthians 1:3

### Ho deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'ny Tompontsika Jesosy Kristy

Azo atao hoe DH: "Enga anie isika hidera an'Andriamanitra hatrany ary ilay Tompontsika Jesosy Kristy"

### ny Andriamanitra sy Ray

"Andriamanitra, ilay Raintsika"

### Rain'ny famindram-po rehetra sy Andriamanitra ny fampiononana rehetra

Ireo fehezanteny roa ireo dia manambara hevitra mitovy amin'ny fomba roa samihafa. Ireo fehezanteny roa ireo dia milaza an'Andriamanitra.

### Rain'ny famindram-po rehetra sy Andriamanitra ny fampiononana rehetra

Ireo mety ho dikany 1) ny teny hoe "famindram-po" sy "fampiononana rehetra" dia maneho ny toetran'ny "Ray" sy "Andriamanitra" na 2) ny teny hoe "Ray" na "Andriamanitra" dia maneho ilay iray izay loharanon'ny "famindram-po" sy "fampiononana rehetra."

### mampionona antsika amin'ny fahorianatsika rehetra

Eto dia tafiditra ao amin'ny hoe "isika" sy "antsika" ireo Korintiana.

## 2 Corinthians 1:5

### Fa tahaka ny hitomboan'ny fijalian'i Kristy nohon'ny amintsika

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra izay afaka mitombo isa ny fijalian'i Kristy. DH: "Fa tahaka an'Andriamanitra izay nijaly mafy no ny amintsika"

### hitomboan'ny fijalian'i Kristy

Ireo mety ho dikany dia 1) izany dia manambara ny fijaliana izay niaina'i Paoly sy Timoty satria nitony ny hafatra momba an'i Kristy izy ireo na 2) izany dia manambara ny fijaliana izay niainan'i Kristy ho azy ireo.

### hitomboan'ny fampionona anay

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra afaka mitombo habe ny fampiononana.

### Fa raha nampahoriana izahay

Eto ny teny hoe: "isika" dia manondro an'i Paoly sy Timothy, fa tsy ireo Korintiana. Izany dia afaka lazaina amin'ny endrika tso-drafitra. DH: "Fa raha nampahory antsika ny olona"

### Ny fampiononanareo dia mandaitra

"ianareo dia miaina fampiononana mandaitra"

## 2 Corinthians 1:8

### tsy tianay ianareo tsy ahafantatra

Azo adika hoe DH: "tianay ianareo ahafantatra"

### Izahay dia novesarina tanteraka mihoatra an'izay tokony ho zakanay

I Paoly sy Timothy dia manambara ny fihetseham-po feno fahakivian'izy ireo toy lanja mavesatra izay tsy maintsy zakain'izy ireo.

### Izahay dia novesarina tanteraka

Ny teny hoe: "novesarina" dia manambara ny fahatsapana fahakiviana. Azo adika hoe DH: "ireo olona izay niainanay dia nanorotoro anay tanteraka" na "Tao anatin'ny fahakiviana tanteraka izahay."

### Teo aminay tokoa ny fanamelohana ho faty

I Paoly sy Timoty dia mampitaha ny fahakivian'izy ireo amin'ny olona voaheloka ho faty. DH: "tao anatin'ny fahakiviana tahaka ny olona izay voaheloka ho faty izahay"

### fa kosa amin'Andriamanitra

Ny teny hoe: " hametraka ny tokinay" dia tsy nampidirina tato amin'ity fehezanteny ity. DH: "fa kosa, mametraka ny tokinay amin'Andriamanitra izahay"

### izay mampitsangana ny maty

"izay nanangana ireo maty"

**tamin'ny loza mahafaty**

Ampitahain'i Paoly amin'ny loza mahatsiaravina na loza mahafaty ny fahakiviana vokatry ny olana nianjady tamin'izy ireo. DH: "fahadisoam-panantenana"

**2 Corinthians 1:11**

**Izy dia hanao izany satria ianareo koa dia manampy anay**  
"Andriamanitra dia hamonjy antsika amin'ny loza, tahaka anareo, olon'ny fiangonan'ny Korinto, izay manampy anay ihany koa"

**ny tombom-pahasoavana nomena anay**

Azo adika hoe DH: "ilay tombom-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra anay"

**2 Corinthians 1:12****Izahay dia mirehareha amin'izao... anton'ny reharehanareo**

Ny teny hoe "mirehareha" eto dia ampiasaina amin'ny endrika tsara anehoana fahafaham-po sy fifaliana lehibe nohon'ny amin'ny zavatra iray.

**vavolombelona ny amin'ny feon'ny fieritreretany**

Ny hevitr'i Paoly sy Timoty momban'ny asan'izy ireo manokana dia mijoro ho vavolombelona fa izy ireo dia nanana fitondran-tena izay ankasitrahana'Andriamanitra.

**tsy tamin'ny fahendren'izao tontolo izao**

Eto ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia milaza ireo mampiavaka ny olona eo amin'ny fiarahamonina izay tsy matoky an'Andriamanitra. DH: "tsy araka ny fahendren'ny olona"

**Izahay dia tsy nanoratra zavatra tsy ho voavaky na ho azonareo**

Azo adika hoe DH: "Ianareo dia afaka mamaky sy mahazo izay rehetra voasoratra ho anareo"

**2 Corinthians 1:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

I Paoly dia manazava anton'ny fiandrasany fatratra ny hahita ireo mpino Korintiana taorian'ny taratasiny voalohany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

I Paoly dia nanoratra taratasy 3 farafahakeliny ho an'ireo Korintiana. Taratasy 2 tany Korinto ihany no voarakitra ao amin'ny Baiboly.

**Satria izaho dia natoky ny momba izany**

Ny teny hoe "izany" dia milaza ny fanehoan-kevitra nataon'i Paoly teo aloha momba an'ireo Korintiana.

**mba hahafahanareo mahazo tombony amin'ny fitsidihana roa**

"mba hahazoanareo tombony amin'ny fitsidihako anareo indroa miantaona"

**hanatitra ahy eny amin'ny lalako ho any Jodia**

"hilaraka amiko eny an-dalana makany any Jodia"

**2 Corinthians 1:17****nisalasalala ve aho?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisana ny fanapaha-keviny ny hitsidika ireo Korintiana. ilay valinteny izay nantenaina tamin'ny fanontaniana dia tsia. DH: "tsy nisalasalala aho" na "Natoky tamin'ny fanapahan-kevitro aho"

**Nanomana ireo zavatra ireo araka ny nofo ve aho...amin'ny fotoana iray ihany?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisany fa ny fikasany hamangy ireo Korintiana dia tena matotra. DH: "Tsy nanomana ireo zavatra ireo aho araka ny nofo aho ... amin'ny fotoana iray ihany?"

**mba itenenako "Eny, eny" sy "Tsia, tsia" amin'ny fotoana iray ihany**

Izany dia midika fa i Paoly dia tsy nilaza hoe sady hitsidika no sady tsy hitsidika. Ireo teny hoe: "eny" na "tsia" dia naverimberina mba hanamafisana . DH: "mba hitenenako 'eny, dia tena hitsidika tokoa aho,' ary 'tsia, tsy hitsidika mihitsy aho' amin'ny fotoana iray ihany"

**2 Corinthians 1:19****Fa ny zanak'Andriamanitra... dia tsy "Eny" na "Tsia."Fa kosa, Izy dia niteny foana hoe "Eny."**

Jesosy nilaza hoe "Eny" mikasika ny fampanantenan'Andriamanitra, izay midika fa nanome antoka Izy fa marina izany. DH: "Fa ny zanaka'Andriamanitra... dia tsy milaza hoe "Eny" sady "Tsia" mahakasika ireo fampanantenan'Andriamanitra. Fa kosa, izy dia milaza "Eny" hatrany.

**Zanak'Andriamanitra**

Izany dia fiantsoana izay manan-danja ho an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra dia "Eny" avokoa ao aminy**

Izany dia midika fa i Jesosy dia manome antoka ny amin'ireo fampanantenan'Andriamanitra rehetra. DH: "ny fampanantenan'Andriamanitra dia azo antoka ao amin'ny Jesosy Kristy"

**"Eny" avokoa ao aminy... amin'ny alalany koa isika dia hiteny**

Ny teny hoe "amin'ny" dia manondro an'i Jesosy Kristy.

**2 Corinthians 1:21****Andriamanitra izay manamafy anay aminareo**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Andriamanitra manamafy ny fifandraisantsika amin'ny tsirairay"

satria ao amin'i Kristy isika" na 2) "Andriamanitra izay manamafy ny fifandraisanay sy fifandrianareo amin'i Kristy."

**Izy no naniraka antsika**

Ireo mety ho dikany 1) "izy no naniraka antsika mba hitory ny filazan-tsara" na 2) "nosorany isika mba ho vahoakany."

**Izy dia nanisy tombo-kase tamintsika**

Izany dia midika fa Andriamanitra nanisy marika an'ireo mpino ho fananany manokana. DH: "Izy no nanisy marika antsika ho fananany manokana"

**nanome ny Fanahy ho ao am-pontsika**

Eto ny teny hoe "fo" dia ilazana ny ampahany lalina anatin'ny olona. DH: "nanome ny Fanahy mba ho velona ao amintsika tsirairay"

**ny Fanahy ... ho antok'izay**

Ny Fanahy dia resahina toy ny hoe fanonerana ampahany amin'ny fiainana mandrakizay.

**2 Corinthians 1:23**

**Fa niantso an'Andriamanitra aho mijoro vavolombelona ho ahy**

Ny fehezanteny hoe "mijoro vavolombelona" dia entina ilazana olona iray milaza izay efa hitany na norenesiny mba handaminana ady. DH: "Mangataka amin'Andriamanitra aho mba hampiseho fa marina izay lazaiko"

**mba hamindrako fo aminareo**

"mba tsy hampijaly anareo intsony aho"

**izahay dia miara-miasa aminareo amin'ny fifalianareo**

"izahay dia miara-miasa aminareo mba hahazoanareo fifaliana"

**mijoro ao amin'ny finoanareo**

Ny teny hoe "mijoro" dia afaka maneho zavatra iray izay tsy miova. DH: "mijoroa tsara amin'ny finoanareo"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Fa nanapa-kevitra ny tsy anantona anareo indray ny tenako amin'ny fotoam-pangirifiriana. <sup>2</sup> Raha niteraka alahelo anareo aho, iza no afaka mampifaly ahy akoatran'ilay iray izay noratraiko ihany? <sup>3</sup> Nanoratra aho tahaka ny nataoko mba tsy ho voatran'ireo izay tokony nampifaly ahy rehefa tonga tany aminareo. Izaho dia manana fahatokisana ny aminareo rehetra fa ny fifaliako dia fifaliana mitovy amin'ny anareo rehetra. <sup>4</sup> Fa nanoratra ho anareo aho avy amin'ny fahoriana lehibe, miaraka amin'ny fangirifirin'ny fo, ary miaraka amin'ny ranomaso be. Tsy te ampalahelo anareo aho. Fa kosa, te hampahafantatra anareo ny alalin'ny fitiavana izay ananako ho anareo. <sup>5</sup> Raha nisy olona niteraka alahelo, tsy niteraka izany tamiko ihany izy, fa amin'ny endrika hafa—tsy hanitarana loatra izany—aminareo rehetra. <sup>6</sup> Ampy ny fanasaziana nataon'ny maro an'isa io olona io. <sup>7</sup> Ka ankehitriny raha tokony ho fanasaziana, ianareo dia tokony hamela heloka sy hampionona azy. Ataovy izany mba tsy handifotra azy amin'ny alahelo be loatra. <sup>8</sup> Noho izany mankahery anareo aho mba hanamafy ampahibe-maso ny fitiavanareo Azy. <sup>9</sup> Izany no antony nanoratako, amin'izay mba mety hitsapako anareo ary ahafantarako na mankatoka amin'ny zava-drehetra ianareo. <sup>10</sup> Raha mamela olona ianareo, mamela izany olona izany koa aho. Izay navelako—raha namela ny zava-drehetra aho—izany famelana izany dia fitiavana anareo amin'ny fanatrehan'i Kristy. <sup>11</sup> Izany dia mba tsy hamitahan'ny Satana anay. Satria izahay dia mahafantatra ireo drafiny. <sup>12</sup> Nisokatra ho ahy ny varavarana tamin'ny Tompo rehefa tonga tao amin'ny tanàn-dehibe an'i Troasy nitory ny filazantsara an'i Kristy tany. <sup>13</sup> Na izany aza, tsy nanana fiadanan-tsaina aho, satria tsy nahita ny rahalahiko Titosy tany. Araka izany, nandao izy ireo aho ary nandeha niverina tany Makedonia. <sup>14</sup> Fa fisaorana anie ho an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy mitarika anay mandrakariva ao amin'ny fandresena. Amin'ny alalantsika dia haeliny na aiza na aiza ny hanitra mamin'ny fahalalana azy. <sup>15</sup> Fa izahay dia hanitra mamin'i Kristy an'Andriamanitra, na teo amin'ireo izay novonjena sy teo amin'ireo izay ho faty. <sup>16</sup> Ho an'ny olona izay ho faty, izany dia hanitra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fahafatesana. Ho an'ireo sasany izay novonjena, dia hanitra avy amin'ny fiainana ao amin'ny fiainana. Iza no mendrika amin'ireo zavatra ireo? <sup>17</sup> Fa izahay dia tsy mitovy amin'ireo olona maro izay mivarotra ny tenin'Andriamanitra mba ahazoana tombony. Fa kosa, amin'ny fahadiovam-po, no hiresahanay amin'i Kristy, satria nalefa avy amin'Andriamanitra izahay, tao amin'ny fahitan'Andriamanitra.

### 2 Corinthians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Noho ny fitiavany lehibe azy ireo, dia ataon'i Paoly ho mazava fa ny fananarany tao amin'ny taratasiny voalohany ho azy ireo (ilay fananarana momba ny faneken'izy ireo ny fahotan'ny fahalotoam-pitondrantena) dia naharary azy sy narary tamin'ireo olom-piangonana tao Korinto sy ireo lehilahy rasty.

#### nanapa-kevitra...ny tenako

"Nandray fanapahan-kevitra aho"

#### amin'ny fotoam-pangirifiriana

"amin'ny tranangan-javatra izay mahatonga fangirifiriana aminao"

**Raha niteraka alahelo anareo aho, iza no afaka mampifaly ahy akoatran'ilay iray izay noratraiko ihany?**  
Mampiasa izany fanontaniana tsy fampsainana izany i Paoly mba hanamafisana fa na izy na izy ireo dia tsy hahazo tombony raha hahatonga azy ireo hijaly ny fahatongavany any amin'izy ireo. DH: "Raha niteraka alahelo ho anareo aho, ny olona izay afaka mampionona ahy dia izay olona nampahoriko indrindra ihany"

#### ilay iray izay noratraiko ihany

Azo atao hoe DH: "ilay iray izay tena nampahoriko"

### 2 Corinthians 2:3

#### Nanoratra aho tahaka ny nataoko

Izany dia manambara taratasy iray hafa izay nosoratan'i Paoly tamin'ireo Korintiana Kristina izay tsy misy intsony. DH: "Nanoratra aho tahaka ny nataoko tamin'ny taratasy teo aloha"

#### mba tsy ho voatran'ireo izay tokony nampifaly ahy

I Paoly dia miresaka momban'ny fitondran-tenan'ireo Korintiana sasatsany izay nahatonga azy nanaintaina ara-panahy. Azo atao hoe DH: "mba tsy handratra ahy ireo izay tokony nampifaly ahy"

#### fifaliako dia fifaliana mitovy amin'ny anareo rehetra

"Izay manome fifaliana anareo no manome fifaliana ahy ihany koa"

#### amin'ny fahoriana lehibe

Eto ny teny hoe: "fahoriana" dia milaza ny fanaintainana ara-panahy.

#### miaraka amin'ny fangirifirin'ny fo

Eto ny teny hoe: "fo" dia milaza ny toerana misy ny fihetseham-po. DH: "miaraka amin'ny alahelo mafy"

**amin'ny ranomaso be**  
"fitomaniam-be"

## 2 Corinthians 2:5

**amin'ny endrika hafa**  
"amin'ny lafiny iray"

**tsy hanitarana loatra izany**  
Ireo mety ho dikany 1)" tsy te hiteny izany am-pahasiahana aho" na 2) "tsy te hanitatra aho."

**Ampy ny fanasaziana nataon'ny maro an'isa io olona io**  
Ny teny hoe "fanasaziana" dia afaka havadika amin'ny fampiasana matoanteny. DH: "ny fomba nanasazin'ireo maro an'isa dia efa ampy"

**mba tsy handifotra azy amin'ny alahelo be loatra**  
Izany dia midika fananana fihetseham-po lehibe vokatry ny alahelo tafahoatra. DH: "tsy hoe difotry ny alahelo be loatra"

## 2 Corinthians 2:8

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
I Paoly dia mampahery ny fiangonana any Korinto mba hampiseho fitiavana ary hamela ireo izay nafaizin'izy ireo. Manoratra fa, izy ihany koa, dia efa namela azy.

**mba hanamafy ampahibe-maso ny fitiavanareo Azy**  
Izany dia midika fa tokony hanamafy ny fitiavan'izy ireo an'izany lehilahy izany eo anatrehan'ireo mpino rehetra izy ireo.

**mankatoa amin'ny zava-drehetra ianareo**  
Ireo mety ho dikany dia 1) "mankatoa an'Andriamanitra ianareo amin'ny zavatra rehetra" na 2) "ianareo dia mankatoa ny zavatra rehetra izay nampianariko anareo"

## 2 Corinthians 2:10

**izany famelana izany dia fitiavana anareo**  
Azo adika hoe: "Izaho namela ny helokareo noho ianareo"

**famelana izany dia fitiavana anareo**  
Ireo mety ho dikany dia 1) "voavela tamin'ny fitiavako anareo ianareo" na 2) "voavela ho amin'ny tombontsoa anareo"

**Satria izahay dia mahafantatra ireo drafiny**  
DH: "fa isika mahalala ny fikasany tsara"

## 2 Corinthians 2:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra :**  
I Paoly dia mankahery ireo mpino ao Korinto filazana amin'izy ireo ny fahafahana izay hananany mba hitoriana ny filazantsara any Troasy sy Makedonia.

**Nisokatra ho ahy ny varavarana tamin'ny Tompo ...**  
**nitory ny filazantsara**

I Paoly dia miresaka momba ny fahafahany mitory ny filazantsara toy ny hoe varavarana izay azony hidirana. DH: "Nanokatra varavarana ho ahy ny Tompo... mba hitory ny filazanatsara" na "Ny Tompo nanome fahafahana ho ahy ... hitory ny filazantsara"

**tsy nanana fiadanan-tsaina aho**  
"Niady saina aho" na "nanahy aho"

**ny rahalahiko Titosy**  
I Paoly dia miresaka amin'i Titosy toy ny amin'ny ny rahalahany ara-panahy.

**nandao azy ireo aho**  
" ka nandao ireo olona any Troasy aho"

## 2 Corinthians 2:14

**'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy mitarika anay mandrakariva ao amin'ny fandresena**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe jeneraly mpandresy izay mitarika ny matsom-pandresena Andriamanitra, ary ny tenany sy ireo mpiara-miasa aminy dia mandray anjara amin'izany matso izany. Ireo mety ho dikany dia 1)"Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy mandrakariva dia mahatonga antsika hanan-jara amin'ny fandreseny mandrakariva" na 2) "'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy dia mitarika antsika mandrakariva amin'ny fandresena tahaka ireo izay nahazahoany fandresena"

**Amin'ny alalanay haeliny na aiza na aiza ny hanitra mamin'ny fahalalana azy.**  
Resain'i Paoly toy ny hoe ditin-kazo izay manana fofona mahafinaritra ny fahalalan'i Kristy. DH: "Izy no mahatonga ny fahalalan'i Kristy hiely amin'ny olona rehetra izay mandre anay, tahaka ny fameroveron'ny ditin-kazo manitra mirehitra izay miparitaka amin'ny olona rehetra manakaiky an'izany"

**na aiza na aiza**  
"na aiza na aiza alehanay"

**isika dia hanitra mamin'i Kristy an'Andriamanitra,**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe fanatitra dorana izany izay omen'ny olona an'Andriamanitra ny asa fanompoany.

**hanitra mamin'i Kristy**  
Ireo mety ho dikany 1) "ilay hanitra mamy izay fahalalan'i Kristy" na 2) "ilay hanitra mamy izay atolotr'i Kristy"

**'ireo izay novonjena**  
Azo adika hoe DH: "Ireo izay voavonjin'Andriamanitra"

## 2 Corinthians 2:16

### **izany dia hanitra**

"Ny fahalalan'Andriamanitra dia hanitra." Izany dia manambara ny ao amin'ny 2:14, ahitana an'i Paoly miresaka ny amin'ny fahalalana an'i Kristy toy ny hoe ditin-kazo manitra izay manana fofona mahafinaritra.

### **hanitra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fahafatesana**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny teny hoe "fahafatesana" dia miverimberina mba ho fanatintranterana ary io fehezanteny io dia midika hoe: "hanitra mahatonga fahafatesana" na 2) "Hanitry ny fahafatesana izay mahafaty ny olona"

### **Ho an'ireo sasany izay novonjena**

Azo atao hoe DH: "Ireo izay vonjen'Andriamanitra"

### **hanitra avy amin'ny fiainana ao amin'ny fiainana**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny teny hoe "fiainana" dia miverimberina mba ho fanantitrantetrana, ary io fehezanteny io midika hoe: "hanitra izay manome

ny fiainana" na 2) "hanitry ny fiainana izay manome aina ho an'ny olona"

### **Iza no mendrika amin'ireo zavatra ireo?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana fa tsy misy olona mendrika hanao ny asa fanompoana izay nantsoin'Andriamanitra hataon'izy ireo. DH: "Tsy misy olona mendrika ireo zavatra ireo"

### **iresahanay amin'i Kristy**

"miresaka toy ny olona izay tafaray amin'i Kristy izahay" na "miresaka miaraka amin'ny fahefan'i Kristy izahay"

### **satria nalefa avy amin'Andriamanitra izahay**

Azo atao hoe DH: "tahaka ny olona izay nirahin'Andriamanitra"

### **tao amin'ny fahitan'Andriamanitra**

I Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy dia mitory ny filazantsara miaraka amin'ny fahafantarana fa mijery azy ireo Andriamintra. DH: "miteny eo anatrehan'Andriamanitra izahay"



## Chapter 3

<sup>1</sup> Hanomboka hidera-tena indray ve izahay? Izahay dia tsy mila ireo taratasy fanamarianana aminareo na avy aminareo, toy ny olona sasany, sa tsy izany? <sup>2</sup> Ny tenanareo no taratasy fanamariananay, izay voasoratra ao am-pontsika, izay fantatra ary vakian'ny olona rehetra. <sup>3</sup> Ianareo dia maneho fa taratasy fanambarana avy amin'i Kristy, izay natolontsika. Izany dia tsy voasoratra tamin'ny ranomainty fa tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona. Izany dia tsy voasoratra teo amin'ny takela-bato, fa teo amin'ny takelaky ny fon'ny olombelona. <sup>4</sup> Ary izany no toky izay ananantsika eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy. <sup>5</sup> Isika dia tsy mahefa amin'ny tenantsika mba handray na inona na inona izay avy amintsika. Fa kosa, ny fahefantsika dia avy amin'Andriamanitra. <sup>6</sup> Andriamanitra no nanao antsika mba ho mpanompon'ny fanekena vaovao. Izany dia fanekena tsy avy amin'ny soratra fa an'ny Fanahy. Fa ny soratra mamono, ary ny Fanahy manome aina. <sup>7</sup> Ary ny asa izay niteraka fahafatesana - dia voasoratra teo ambonin'ny vato - dia tonga tamim-boninahitra lehibe ka ny vahoakan'Israely dia tsy afaka nibanjina ny tavan'i Mosesy. Izany dia noho ny voninahitry ny tavany, ny voninahitra izay nihalevona. <sup>8</sup> Ho voninahitra lehibe toy ny ahoana ny asa izay ataon'ny Fanahy? <sup>9</sup> Fa raha nanana voninahitra ny asan'ny fanamelohana, dia ho toy ny ahoana ny fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny fahamarinana! <sup>10</sup> Satria tokoa, izay nomena voninahitra indray mandeha dia tsy hanam-boninahitra intsony amin'izany fomba izany, noho ny voninahitra izay mampitombo izany. <sup>11</sup> Fa raha izay nandalo fotsiny no nanana voninahitra, dia tsy hanana voninahitra mihoatra noho izany ve izay maharitra! <sup>12</sup> Satria manana toky tahaka izany isika, dia sahy tokoa. <sup>13</sup> Isika dia tsy tahaka an'i Mosesy, izay nanarona ny tavany tamin'ny voaly, mba tsy hahafahan'ny vahoakan'Israely mijery azy mivantana amin'ny fiakaran'ny voninahitra izay nandalo ihany. <sup>14</sup> Fa ny sain'izy ireo dia donto. Na dia mandrak'ankhitry izany voaly izany dia mbola mijanona eo amin'ny famakiana ny fanekena taloha. Tsy misokatra izany, satria ao amin'i Kristy ihany izany no esorina. <sup>15</sup> Nefa na dia ankehitriny aza, na rahoviana na rahoviana no vakiana ny lalàn'i Mosesy, dia manarona ny fon'izy ireo ny voaly. <sup>16</sup> Nefa raha mitodika amin'ny Tompo ny olona, dia esorina ny voaly. <sup>17</sup> Ary ny Tompo dia Fanahy. Izay misy ny Fanahin'ny Tompo, dia misy fahafahana. <sup>18</sup> Ary isika rehetra, tsy misarom-boaly, dia mahita ny voninahitry ny Tompo. Isika dia efa voaova ho ao amin'ny voninahitra mitovy izay avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, izay avy amin'ny Tompo, izay tsy iza fa ny Fanahy.

### 2 Corinthians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampatsiahy azy ireo i Paoly fa tsy mirehareha izy amin'ny fitenenana azy ireo ny momba izay zavatra vitany tamin'ny alalan'i Kristy.

#### Isika ve hanomboka hidera ny tenantsika indray?

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana fa tsy mirehareha amin'ny tenany izy ireo. DH: "tsy manomboka midera-tena indray izahay"

#### Isika dia tsy mila ireo taratasy fanamarinana ho anareo na avy aminareo, toy ny olona sasany, sa tsy izany?

Milaza izany i Paoly mba hanehoany fa ireo Korintiana dia efa mahafantatra ny momba ny lazany i Paoly sy Timoty. DH: "Tsy mila taratasy fanamarinana aminareo na avy aminareo izahay, tahaka ny ataon'ny olona sasany"

#### taratasy fanamarinana

Izany dia taratasy izay soratan'ny olona mba hampidirana sy hanomezana azy ireo fankatoavan'ny olon-kafa.

#### Ny tenanareo no taratasy fanamarinanay

Resahin'i Paoly toy ny hoe taratasy fanamarinana ireo Korintiana. Ny fahatongavan'izy ireo ho mpino no manamariana ny asa fanompoan'i Paoly amin'ny hafa. DH: "ny tenanareo dia toy ny taratasy fanamarinana"

#### voasoratra ao am-pontsika

Eto ny teny hoe "fontika" dia manambara ny hevitr'izy ireo sy ny fihetsem-pon'izy ireo. Ireo mety ho dikany dia 1) azon'i Paoly sy ireo miara-miasa aminy antoka fa ireo Korintiana no taratasy fanamarinana ho azy ireo na 2) I Paoly sy ireo mpiara miasa aminy dia tena miahay ny amin'ireo Korintiana.

#### voasoratra ao am-pontsika

Azo ampidirina ho lazaina ao amin'izany i "Kristy." DH: "Izay nosoratan'i Kristy tao am-pontsika"

#### izay fantatra ary vakian'ny olona rehetra

Azo adika hoe DH: "Izay afaka fantarina sy vakian'ny olona rehetra"

**Ianareo dia maneho fa taratasy fanambarana avy amin'i Kristy**

Manazava i Paoly fa i Kristy ilay iray izay nanoratra ny taratasy. DH: "Ianareo dia taratasy izay nosoratan'i Kristy"

**Izany dia tsy voasoratra tamin'ny ranomainty fa tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona. Izany dia tsy voasotratra teo amin'ny takela-bato, fa teo amin'ny takelaky ny fon'ny olombelona**

Ataon'i Paoly mazava tsara fa ireo Korintianina dia toy ny taratasim-panahy, tsy toy ny taratasy izay soratan'ny olona miaraka amin'ny zavatra mivaingana.

**Izany dia tsy voasoratra tamin'ny ranomainty fa tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona**

Azo adika hoe DH: "tsy taratasy nosoratan'ny olona tamin'ny ranomainty fa taratasy izay nosoratan'ny Fanahin'Andriamanitra velona"

**tsy voasotratra teo amin'ny takela-bato, fa teo amin'ny takelaky ny fon'ny olombelona**

Azo adika hoe DH: "tsy taratasy izay raketin'ny olona amin'ny takelaka vato fa taratasy no nosoratan'ny Fanahin'Andriamanitra velona teo amin'ny takelaky ny fon'ny olombelona"

**takelaky ny fon'ny olombelona**

Resahin'i Paoly toy ny hoe vato fisaka na tanimanga izay anoratan'ny olona soratra ny fon'izy ireo.

## 2 Corinthians 3:4

**izany no fitokiana**

izany dia manambara izay vao nolazain'i Paoly. Ny fahatokiany dia avy amin'ny fahafantarany fa ireo Korintiana no fanamarinana ny asa fanompoany eo anatrehan'Andriamanitra.

**tsy mahefa amin'ny tenantsika**

"mahay amin'ny tenantsika" na "ampy ho an'ny tenantsika"

**handray na inona na inona izay avy amintsika**

Eto ny teny hoe "na inona na inona" dia maneho ny zavatra izay mifandray amin'ny asa fanompoana apostolikan'i Paoly. DH: "hilaza fa ny zavatra izay nataontsika tamin'ny asa fanompoana dia avy amin'ny ezaka izay nataontsika manokana"

**ny fahefantsika dia avy amin'Andriamanitra**

"Andriamanitra dia manome antsika ny ampy"

**Fa ny soratra**

Eto ny teny hoe "soratra" dia midika ireo soratra ao amin'ny abidy ary maneho ireo teny izay soratan'ny olona. Io fehezanteny io dia mifandraika amin'ny lalan'ny Testamenta Taloha. DH: "Ny fanekena izay tsy mifototra amin'ny didy izay nosoratan'ny olona"

**fa an'ny Fanahy**

Ny Fanahy Masina dia ilay iray izay manorina ny faneken'andriamanitra miaraka amin'ny olona. DH:

"fa ny fanekena dia mifototra amin'izay ataon'ny Fanahy"

**ny soratra mamono**

Resahin'i Paoly toy ny hoe olona mamono ny lalan'ny Testamenta Taloha. Ny fanarahana izany lalana izany dia mitarika amin'ny fahafatesana. DH: "ny lalana voasoratra dia mitarika amin'ny fahafatesana"

## 2 Corinthians 3:7

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto i Paoly dia mampifanohitra ny fihenamboninahitry ny fanekena taloha amin'ny fahamboniana sy ny fahafahan'ny fanekena vaovao. Mampifanohitra ny fisalobonan'i Mosesy amin'ny fahazavan'ny fanambarana ankehitriny izy. Ny andron'i Mosesy dia kisarisary tsy mazava loatra ny amin'izay naseho ankehitriny.

**Ary ny asa izay niteraka fahafatesana... dia tonga tamim-boninahitra lehibe**

I Paoly dia manamafy fa na mitarika amin'ny fahafatesana aza ny lalana, dia mbola tena be voninahitra izany.

**ny asa izay niteraka**

"ny asa fanompoan'ny fahafatesana." Izany dia manambara ny lalan'ny Testamenta taloha izay nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Mosesy. DH: "ny asa fanompoana izay nahatonga fahafatesana satria izany dia mifototra amin'ny lalana"

**voasoratra teo ambonin'ny vato**

"voasokitra tamin'ny vato tamin'ny soratra." DH: "Izay nosoratan'Andriamanitra tamin'ny vato"

**tamim-boninahitra lehibe**

"amin'ny voninahitra lehibe"

**Izany dia noho ny**

"Tsy afaka nijery izy ireo satria"

**Ho voninahitra lehibe toy ny ahoana ny asa izay ataon'ny Fanahy?**

Mampiasa izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana fa "ny asa izay ataon'ny Fanahy" dia tsy be voninahitra mihoatra noho ny "asa izay niteraka" satria izany dia mitondra ho amin'ny fiainana. DH: "koa ny asa izay ataon'ny Fanahy dia tsy maintsy ho be voninahitra kokoa"

**ny asa izay ataon'ny Fanahy**

"ny asan'ny Fanahy." Ilazana ny fanekena vaovao, hanompoan'i Paoly izany. DH: "ny asa izay manome ny fiainana satria mifototra amin'ny Fanahy"

## 2 Corinthians 3:9

**ny asan'ny fanamelohana**

"ny asan'ny fanamelohana." Maneho ny lalan'ny Testamenta taloha izany. DH: "ny asa izay

manameloka ny olona satria mifototra ao amin'ny lalana"

**dia ho toy ny ahoana fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny fahamarinana!**

DH: "koa ny asan'ny fahamarinana dia tsy maintsy ho be voninahitra kokoa!"

**ny fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny ny fahamarinana!**

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra afaka mamokatra na manamaro zavatra hafa ny "asan'ny fahamarinana." Ny tiany ho lazaina dia hoe: "nyasan'ny fahamarinana" dia be voninahitra lavitra noho ny lalana, izay manana voninahitra ihany koa."

**ny asa'ny ny fahamarinana**

"Ny asa fanompoan'ny fahamarinana". Izany dia maneho ny fanekena vavao, izay hanompoan'i Paoly. DH: "ny asa izay manamarina ny olona satria mifototra ao amin'ny Fanahy"

**nomena voninahitra indray mandeha dia tsy hanamboninahitra intsony... noho ny voninahitra izay mampitombo izany**

Ny lalan'ny Testamenta Taloha dia tsy hita ho manana voninahitra intsony raha ampitahana amin'ny fanekena vaovao, izay be voninahitra kokoa.

**izay nomena voninahitra indray mandeha dia tsy hanamboninahitra**

Azo adika hoe DH: "ny lalana izay nataon'Andriamanitra ho be voninahitra fahiny"

**izay nandalo fotsiny**

Izany dia maneho ny "asan'ny fanamelohana," izay resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra mety levona. DH: "izay nanjary tsy nisy nilana azy"

## 2 Corinthians 3:12

**Satria manana toky tahaka izany isika**

Izany dia maneho izay vao nolazain'i Paoly. Ny fahatokiany dia avy amin'ny fahafantarana fa ny fanekena vaovao dia manana voninahitra mandrakizay.

**ny fiasaran'ny voninahitra izay nandalo ihany.**

Izany dia manambara ny voninahitra izay namirapiratra teo amin'ny tavan'i Mosesy. DH: "ny voninahitra teo amin'ny tavan'i Mosesy izay levona tanteraka"

## 2 Corinthians 3:14

**Fa ny sain'izy ireo dia donto**

"Fa nihamafy loha izy ireo." Resahin'i Paoly toy ny hoe hoe zavatra mety donto na mihamafy ny sain'ireo zanak'Israely. Izany teny izany dia midika fa tsy nety nahazo izay hitany izy ireo. DH: "Fa ireo zanak'Israely dia tsy afaka nahazo izay hitan'izy ireo"

**Na dia mandrak'ankehitriny...na dia ankehitriny aza**  
Ireo fehezanteny ireo dia manambara ny fotoana izay nanoratan'i Paoly ho an'ireo Korintiana.

**izany voaly izany dia mbola mijanona eo amin'ny famakiana ny fanekena taloha**

Tahaka ireo zanak'Israely izay tsy afa-nahita ny voninahitra teo amin'ny tavan'i Mosesy satria nosaronany tamin'ny voaly izany, dia misy voaly arapahy ihany koa izay manakana ny olona tsy hahatakatra rehefa mamaky ny fanekena taloha izy ireo.

**famakiana ny fanekena taloha**

"Rehefa misy olona mamaky ny fanekena taloha" na "rehefa mandre olona mamaky ny fanekena taloha"

**Tsy misokatra izany, satria ao amin'i Kristy ihany izany no esorina**

Eto ny teny hoe "izany" rehetra dia manambara "ilay voaly." DH: "Tsy misy olona manala ny voaly, satria ao amin'i Kristy no analan'Andriamanitra izany"

**na rahoviana na rahoviana no vakiana ny lalan'i Mosesy**

Eto ny teny hoe "Mosesy" dia manambara ny lalan'ny Testamenta taloha. Azo atao hoe DH: "na rahoviana na rahoviana no vakiana ny lalan'ny Mosesy"

**manarona ny fon'izy ireo ny voaly**

Eto ny teny hoe "fo" dia manambara ny saina aman'eritreritra. Ny voaly arapahy manarona ny fon'izy ireo, manakana azy ireo tsy ho afaka ny hahazo ny fanekena taloha. DH: "ny voaly manarona ny sain'izy ireo"

**dia esorina ny voaly**

Izany dia midika fa efa nahazo ny fahafahana ny hahatakatra izy ireo. DH: "Andriamanitra no manala ny voaly"

## 2 Corinthians 3:17

**Ary isika rehetra**

Eto ny teny hoe "isika" dia manondro ny mpino rehetra, ao anatin'izany i Paoly sy ireo Korintiana.

**tsy misarom-boaly, dia mahita ny voninahitry ny Tompo**

Tsy toy ireo Zanak'Israely izay tsy afa-nahita ny voninahitr'Andriamanitra nitaratra tamin'ny tavan'i Mosesy satria nosaronany tamin'ny voaly izany, dia tsy misy na inona na inona hanakana ireo mpino amin'ny fahitana sy ny fahafantarana ny voninahitr'Andriamanitra.

**tsy misarom-boaly, dia mahita ny voninahitry ny Tompo**

Ny Fanahy dia manova ny mpino ho be voninahitra toa azy. Azo adika hoe DH: "Ny Tompo dia manova antsika ho hitovy amin'ny maha-be voninahitra Azy"

**izay avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra**  
"avy amin'ny haben'ny voninahitra iray makany  
amin'ny voninahitra hafa." Izany dia midika fa ny

Fanahy dia mampitombo hatrany ny voninahitry ny  
mpino.

**izay avy amin'ny Tompo**  
"toy ny avy amin'ny Tompo"

---

## Chapter 4

<sup>1</sup> Noho izany, satria izahay manana izany asa fanompoana izany, ary vao nahazo famindram-po, dia kivy izahay. <sup>2</sup> Fa kosa, nolavinay ireo fomba mahamenatra sy miafina. Tsy miaina amin'ny fitaka izahay, ary mampiasa marina ny tenin'Andriamanitra. Amin'ny fanehoana ny marina, izahay dia mandidy ny tenanay ny amin'ny feon'ny fieritreretana'ny olona mba ho entina eo imason'Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa raha voasarona ny filazantsaranay, izany dia ho voasarona amin'ireo izay maty irery ihany. <sup>4</sup> Amin'ny toe-javatra mitranga amin'izy ireo, ny andriamanitra'izao tontolo izao nahajamba ireo saina tsy minon'izy ireo. Vokatry izany, tsy afaka mahita ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy izy ireo, izay endrik'Andriamanitra. <sup>5</sup> Fa izahay tsy manambara ny tenanay, fa i Kristy Jesosy toy ny Tompo, ary ny tenanay toy ny mpanomponareo nohon'ny amin'i Jesosy. <sup>6</sup> Fa Andriamanitra dia ilay iray izay niteny hoe: "Ny fahazavana hamiratra ao amin'ny haizina." Izy namiratra tao am-ponay, mba hanome ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny fanatrehan'i Jesosy Kristy. <sup>7</sup> Fa izahay manana izany harena izany ao anaty tavoara tanimanga, mba hazava fa ny hery lehibe mihoatra lavitra dia an'Andriamanitra fa tsy anay. <sup>8</sup> Ampahoriana amin'ny fomba rehetra izahay, fa tsy resy. Very hevitra izahay fa tsy feno famoizam-po. <sup>9</sup> Enjehina izahay fa tsy nilaozana. Vonoina izahay fa tsy rava. <sup>10</sup> Mitondra eo amin'ny tenanay ny fahafatesan'i Jesosy hatrany izahay, amin'izay ny fiainan'i Jesosy ihany koa dia hiseho eo amin'ny tenanay. <sup>11</sup> Izahay izay velona dia mitondra hatrany ao amin'ny vatanay ny fahafatesan'i Jesosy, amin'izay ny fiainan'i Jesosy dia hiseho eo amin'ny vatanay olombelona. <sup>12</sup> Noho izany ny fahafatesana dia miasa ao amintsika, fa ny fiainana miasa ao aminareo. <sup>13</sup> Fa izahay manana fanahin'ny finoana mitovy araka izay voasoratra hoe: <sup>14</sup> "Nino aho, ary dia niteny aho." Mino ihany koa izahay, ary dia niteny ihany koa izahay. Fantatray fa ilay iray izay nanangana ny Tompo Jesosy dia hanangana antsika ihany koa miaraka amin'i Jesosy. Fantatray fa hitondra anay miaraka aminareo ao amin'ny fanatrehan'ny Izy. <sup>15</sup> Ny zava-drehetra dia ho anareo mba, araka ny fahasoavana voaparitaka tamin'ny olona maro, no hitomboan'ny fanomezam-pisaorana ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra. <sup>16</sup> Noho izany dia tsy ho kivy izahay. Na dia malemy ivelany aza izahay, dia havaozina isan'andro isan'andro ny ao anatinay. <sup>17</sup> Fa amin'izao andro mandalo izao, ny fahoriana maivana dia manomana anay ho amin'ny lanjan'ny voninahitra maharitra mandrakizay izay mihoatra ny fandanjana rehetra. <sup>18</sup> Fa isika tsy mijery zavatra izay hita, fa ireo zavatra tsy hita. Ireo zavatra izay mety hitantsika dia tsy maharitra, fa ireo zavatra izay tsy hita dia maharitra mandrakizay.

### 2 Corinthians 4:1

#### fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia manoratra fa izy dia marina amin'ny asa fanompoany amin'ny fitoriany an'i Kristy, fa tsy midera-tena. Mampiseho ny fahafatesana sy ny fiainan'i Jesosy amin'ny fomba fiainany izy, mba hahafahan'izany fiainana izany hiasa ao amin'ireo Korintiana.

#### manana izany asa fanompoana izany izahay

Eto ny teny hoe: "izahay" dia manondro an'i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy, fa tsy ireo Korintiana.

#### ary raha vao nahazo ny famindram-po

Izany fehezanteny izany dia manazava ny fomba nananan'i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy "izany asa fanompoana izany." Izany dia fanomezana izay nomen'Andriamanitra azy ireo tamin'ny alalan'ny famindram-pony. DH: "satria Andriamanitra nampiseho famindram-po taminay"

#### nolavinay ireo fomba mahamenatra sy miafina

Izany dia midika fa i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy dia tsy manaiky ny hanao ireo zava-mahamenatra sy miafina. Tsy midika izany fa nanaoizany izy ireo taloha.

#### fomba mahamenatra sy miafina

Ny teny hoe "miafina" dia mamaritra ny zavatra izay "mahamenatra." DH: "fomba izay mamenatra tokoa hany ka afenin'ny olona"

#### ary mampiasa marina ny tenin'Andriamanitra

DH: "Mampiasa ny tenin'Andriamanitra tsara"

#### izahay dia mandidy ny tenanay ny amin'ny feon'ny fieritreretana'ny olona

Izany dia midika fa manome porofo ampy ho an'ny olona tsirairay izay mandre azy ireo, mba hanapakevitra raha marina na diso izy ireo.

#### eo imason'Andriamanitra

Izany dia ilazana ny fanatrehan'Andriamanitra. Ny fahazoan'Andriamanitra sy ny fankataovany ny fahamarinan'i Paoly dia ambara ho toy ny hoe mahita azy ireo Andriamanitra. DH: "eo anolon'Andriamanitra" na "miaraka amin'Andriamanitra ho vavolombelona"

## 2 Corinthians 4:3

**Fa raha voasarona ny filazantsaranay, izany dia ho voasarona amin'ireo izay maty irery ihany**  
Izany dia manambara ny 3:14, izay nanazavan'i Paoly fa misy ny voaly ara-panahy izay manakana ny olona tsy hahatakatra ny fanekena taloha izy ireo. Araka izany koa, dia tsy afaka ny hahatakatra ny filazantsara ny olona.

**raha voasarona ny filazantsaranay, izany dia ho voasarona**  
Azo atao hoe DH: "raha misy voaly manarona ny filazantsaranay, dia izany voaly izany no manarona azy"

**ny filazantsaranay**  
"ny filazantsara izay torinay"

**ny andriamanitr'izao tontolo izao nahajamba ireo saina tsy minon'izy ireo**  
Paoly dia miresaka ny amin'ny hevitr'izy ireo toy ny hoe misy maso, ary ny tsy fahaizan'izy ireo mahatakatra ho toy ny hoe afaka mahita ny sain'izy ireo. DH: "Ilay andriamanitr'izao tontolo izao dia manakana ireo tsy mpino tsy hahatakatra"

**ny andriamanitr'izao tontolo izao**  
"ny andriamanitra izay mandidy an'izao tontolo izao" Io fehezanteny io dia entina ilazana an'i Satana.

**tsy afaka mahita ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy**  
Tahaka ireo zanak'Israely tsy nahita ny voninahitr'Andriamanitra namirapiratra eo amin'ny tavan'i Mosesy satria nosaronany tamin'ny volay izany (Izahao 3:12), ireo tsy mpino dia tsy afaka ny hahita ny voninahitr'i Kristy izay mamirapiratra amin'ny filazantsara. Izany dia midika fa tsy afaka ny hahazo ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy izy ireo"

**fahazavan'ny filazantsara**  
"ny fahazavana avy amin'ny filazantsara"

**ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy**  
"ny filazantsara momba ny voninahitr'i Kristy"

## 2 Corinthians 4:5

**fa i Kristy Jesosy toy ny Tompo, ary ny tenanay toy ny mpanomponareo nohon'ny amin'i Jesosy**  
DH: "Fa izahay manambara an'i Kristy Jesosy ho Tompo, ary manambara ny tenanay ho mpanomponareo"

**Ny fahazavana hamiratra ao amin'ny haizina**  
Amin'izany fehezanteny izany, i Paoly dia maneho ny famoronan'Andriamanitra fahazavana, izay voalaza tao amin'ny bokin'ny Genesisy.

**Izy namiratra ... mba hanome ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra**  
Eto ny teny hoe "fahazavana" dia maneho ny fahafahana mahatakatra. Tahaka ny namoronan'Andriamanitra ny fahazavana ho an'ireo mpino. DH: "Izy dia namiratra ... mba hahafahantsika mahatakatra ny voninahitr'Andriamanitra"

**tao am-ponay**  
Eto ny teny hoe "fo" dia entina ilazana ny saina sy ny eritreritra. DH: "ao an-tsainay"

**ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra**  
"ny fahazavana, izay fahalalan'ny voninahitr'Andriamanitra"

**ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny fanatrehan'i Jesosy Kristy**  
"ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny tavan'i Jesosy Kristy." Tahaka ny namirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra tamin'ny tavan'i Mosesy (Izahao 3:7), izany dia mamirapiratra eo amin'ny tavan'i Jesosy ihany koa. Midika izany fa rehefa mitory ny filazantsara i Paoly, dia afaka mahita sy mahazo ireo hafatra momba ny voninahitr'Andriamanitra ny olona.

## 2 Corinthians 4:7

**Fa izahay manana**  
Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Paoly sy ireo miara-miasa aminy, fa tsy ireo Korintiana.

**manana izany harena izany ao anaty tavoara tanimanga**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe harena ny filazantsara ary ny vatan'izy ireo ho toy ny tavoara mety vaky natao tamin'ny tanimanga. Manamafy izany fa kely vidy izy ireo raha ampitahana amin'ny hatsaran'ny filazantsara izay toriany.

**mba hazava**  
"mba hazava amin'ny olona" na "mba ho fantatry ny olona mazava"

**Ampahoriana amin'ny fomba rehetra isika**  
Azo atao hoe DH: "mampahory anay amin'ny endriny rehetra ny olona"

**Enjehina isika fa tsy nilaozana**  
Azo atao hoe DH: "Mampahory anay ny olona fa Andriamanitra dia tsy mandao anay"

**Vonoina isika fa tsy rava**  
Azo atao hoe DH: "Mamely anay ny olona nefa tsy maharava anay"

**Vonoina izahay**  
"voavely mafy izahay"

**Mitondra eo amin'ny tenanay ny fahafatesan'i Jesosy**  
I Paoly dia miresaka ny amin'ny fijaliany toy ny hoe miaina ny fahafatesan'i Jesosy. DH: "am-bava"

lozan'ny fahafatesana matetika izahay, tahaka an'i Jesosy izay maty" na "Mijaly toy ny hoe miaina ny fahafatesan'i Kristy mandrakariva izahay"

**fiainan'i Jesosy ihany koa dia hiseho eo amin'ny tenanay**  
Ireo mety ho dikany 1)"ny vatanay dia mbola ho velona indray, satria velona i Jesosy" na "ny fiainana ara-panahy izay omen'i Jesosy dia mety hiseho amin'ny vatanay ihany koa."

**fiainan'i Jesosy ihany koa dia hiseho eo amin'ny tenanay**  
Azo atao hoe DH: "hahita ny fiainan'i Jesosy amin'ny tenanay ny olona sasany"

## 2 Corinthians 4:11

**Izahay izay velona dia mitondra hatrany ao amin'ny vatanay ny fahafatesan'i Jesosy**  
Ny fitondrana ny fahafatesan'i Jesosy dia maneho hoe am-bava lozan'ny fahafatesana noho'ny tsy fivadihana amin'i Jesosy. DH: "Ho an'ireo izay velona eo aminay, Andriamanitra dia mitondra anay hatrika fahafatesana mandrakariva satria miaraka amin'i Jesosy izahay." na "ireo olona no mahatonga anay izay velona ho ambava-lozan'ny fahafatesana mandrakariva satria miaraka amin'i Jesosy izahay"

**amin'izay ny fiainan'i Jesosy dia hiseho eo amin'ny vatanay olombelona**  
Tian'Andriamanitra hiseho eo aminay ny fiainan'i Jesosy. Ireo mety ho dikany 1) "ny tenanay dia ho velona indray, satria velona Jesosy" na 2) "mba hiseho eo amin'ny tenanay ny fiainana ara-panahy izay omen'i Jesosy." Jereo ny fomba nandikanao izany fehezanteny izany ao amin'ny 4:7.

**amin'izay ny fiainan'i Jesosy dia hiseho eo amin'ny vatantsika olombelona**  
Azo adika hoe DH: "mba hahafahan'ny olona mahita ny fiainan'i Jesosy amin'ny tenanay." Jereo ny fomba nandikanao izany fehezanteny izany ao amin'ny 4:7.

**ny fahafatesana dia miasa ao aminay, fa ny fiainana miasa ao aminareo**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe olona afaka miasa ny fahafatesana sy fiainana. Midika izany fa izy ireo dia tandidonin-dozan'ny fahafatesana ara-nofo mandrakariva mba hahafahan'ireo korintiana manana ny fiainana ara-panahy.

## 2 Corinthians 4:13

**Fa manana fanahin'ny finoana mitovy**  
"toe-pinoana mitovy." Eto ny teny hoe "fanahy" dia manambara ny fihetsikin'ny olona iray sy ny toetra.

**araka izay voasoratra**  
Azo atao hoe DH: "araka ilay iray izay nanoratra ireo teny ireo"

**Nino aho, ary dia niteny aho**  
Izany dia teny nalaina avy tao amin'ny Salamo.

**ilay iray izay nanangana ny Tompo Jesosy**  
Eto ny teny hoe "ilay iray" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Andriamanitra izay nanangana ny Tompo Jesosy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana"

**hitondranay miaraka**  
Tsy ao anatin'ny mpisolo-tena tampisaka "-nay" iro Korintiana.

**Ny zava-drehetra dia ho anareo**  
Eto ny teny hoe "ny zavatra rehetra" dia maneho ny fijaliana rehetra izay nofaritan'i Paoly tao amin'ny andininy teo aloha.

**ny fahasoavana voaparitaka tamin'ny olona maro**  
Azo atao hoe DH: "tahaka ny nanamparitan'Andriamanitra ny fahasoany tamin'ny olona maro"

**hitomboan'ny fanomezam-pisaorana**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra izay afaka mitombo bebe kokoa ny fanomezam-pisaorana. DH: "mba ho olona maro hatrany hatrany no hanome fisaorana"

## 2 Corinthians 4:16

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
I Paoly dia manoratra fa ny zava-tsarotra hiainan'ireo Korintiana dia kely ary tsy maharitra ela raha mitaha amin'ireo zavatra tsy hita maso mandrakizay.

**Noho izany dia tsy ho kivy izahay**  
Azo atao hoe DH: "ka dia matoky izahay"

**malemy ivelany aza izahay**  
Izany dia maneho ny vatan'olombelona amin'ny lo sy maty. DH: "ny vatanay dia miha-malemy sy ho faty"

**havaozina isan'andro isan'andro ny ao anatinay**  
Izany dia milaza ny fiainana ara-panahy ao anatin'izy ireo, izay mihamafy. DH: "ny ara-panahinay dia mihamafy isan'andro isan'andro"

**havaozina isan'andro isan'andro ny ao anatinay**  
Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia manavao ny ao anatinay isan'andro isan'andro"

**Fa amin'izao andro mandalo izao, ny fahoriana maivana dia manomana anay ho amin'ny lanjan'ny voninahitra maharitra mandrakizay**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra azo lanjaina ny fijaliany sy ny voninahitra izay homen'Andriamanitra azy. Ny voninahitra dia mavesatra lavitra noho ny fijaliana.

**izay mihoatra ny fandanjana rehetra**  
Ny voninahitra izay hiainan'i Paoly dia tena mavesa-danja ka tsy misy olona afaka ny handanja izany. DH: "izay tsy misy afaka mandanja"

**zavatra izay hita... ireo zavatra izay tsy hita**

Azo atao hoe DH: "Ireo zavatra izay hitantsika...  
ireo zavatra izay tsy hitantsika"

**fa ireo zavatra izay tsy hita**

Azo asiana matoanteny io andian-teny io. DH: "fa  
isika dia mijery ireo zavatra izay tsy hita"

---



## Chapter 5

<sup>1</sup> Fantantsika fa raha rava ny fonenana eto an-tany izay itoerantsika, dia manana trano avy amin'Andriamanitra isika. Izany dia trano tsy nataon'ny tanan'olombelona, fa trano mandrakizay, any an-danitra. <sup>2</sup> Fa eto amin'ity trano-lay ity isika no misento, maniry mafy ny hitafy ny fonenantsika any an-danitra. <sup>3</sup> Maniry mafy izany isika satria amin'ny fanaovantsika izany dia tsy ho hita mitanjaka isika. <sup>4</sup> Fa raha mbola eto amin'ity trano-lay ity tokoa isika, dia misento, mavesatr'entana. Tsy te hitanjaka isika. Fa kosa, te hitafy isika, mba ho atelin'ny fiainana izay mety maty. <sup>5</sup> Ilay Iray izay nanomana antsika ho amin'izany zavatra izany indrindra dia Andriamanitra, izay nanome antsika ny Fanahy ho fanambarana izay ho avy. <sup>6</sup> Noho izany dia mahatokia hatrany. Tongava saina fa rehefa ao an-trano amin'ny vatana isika, dia lavitra ny Tompo. <sup>7</sup> Fa mandeha amin'ny finoana isika, fa tsy amin'ny fahitana. <sup>8</sup> Noho izany dia manana fahatokiana isika. Aleontsika lavitry ny vatana fa ao an-trano miaraka amin'ny Tompo. <sup>9</sup> Ka dia ataontsika tanjona izany, na any an-trano isika na lavitra izany, mba hahafinaritra Azy. <sup>10</sup> Fa isika rehetra dia tsy maintsy hiseho eo alohan'ny seza fitsaràn'i Kristy, mba mety ahazoan'ny tsirairay izay mifanaraka amin'ireo zava-bita tao amin'ny vatana, na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy. <sup>11</sup> Noho izany, ny fahafantarana ny tahotra ny Tompo, no handresentsika lahatra ny olona. Ny maha isika antsika dia hitan'Andriamanitra mazava. Antenaiko fa mazava amin'ny feon'ny fieritreretana ireo ihany koa izany. <sup>12</sup> Tsy miezaka ny handresy lahatra anareo indray izahay mba hijery anay tahaka ny mahitsy fo. Fa kosa, manome antony ho anareo hirehareha nohon'ny aminay izahay, mba hanananareo valin-teny ho an'ireo izay mirehareha ny amin'ny endrika ivelany fa tsy ny amin'izay ao am-po. <sup>13</sup> Fa raha very saina izahay, dia ho an'Andriamanitra izany; ary raha tonga saina tsara izahay, dia ho anareo izany. <sup>14</sup> Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay, satria azonay antoka ny hoe: nisy olona iray maty ho an'ny rehetra, ary noho izany dia maty ny rehetra. <sup>15</sup> Maty Izy ho an'ny rehetra, mba tsy ho velona ho an'ny tenan'izy ireo intsony ireo izay velona fa ho Azy izay maty ary natsangana nohon'ny ftiavana azy ireo. <sup>16</sup> Noho izany antony izany, manomboka izao dia tsy mitsara na iza na iza araka ny fomban'ny olombelona isika, na dia efa nijery an'i Kristy tahaka izany aza isika taloha. Fa ankehitriny isika dia tsy mitsara na iza na iza tahaka izany intsony. <sup>17</sup> Noho izany, raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy. Efa lasa ireo zavatra taloha. Indreo, fa efa tonga vaovao izy ireo. <sup>18</sup> Ireo zavatra rehetra ireo dia avy amin'Andriamanitra. Nampihavaniny tamin'ny Tenany tamin'ny alalan'i Kristy isika, ary nomeny antsika ny asa fanompoan'ny fampihavanana. <sup>19</sup> Izany hoe, ao amin'i Kristy Andriamanitra no mampihavana izao tontolo izao amin'ny Tenany, tsy manisa ny fahadisoan'izy ireo amin'izy ireo. Nankininy taminay ny hafatry ny fampihavanana. <sup>20</sup> Koa voatendry ho mpisolon-tenan'i Kristy izahay, toy ny hoe amin'ny alalanay no hanaovan'Andriamanitra ny fiantsoany. Miangavy anareo izahay, noho i Kristy: "Mihavàna amin'Andriamanitra!" <sup>21</sup> Nataony tonga sorona ho an'ny fahotantsika Kristy. Izy ilay Iray izay tsy nanota mihitsy. Nataony izany mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika.

### 2 Corinthians 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mampifanohitra ny vatan'ny mpino eto an-tany amin'ilay any an-danitra izay homen'Andriamanitra i Paoly.

**raha rava ny fonenana eto an-tany izay itoerantsika, dia manana trano avy amin'Andriamanitra isika**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe "fonenana eto an-tany" mandritra ny fotoana fohy ny vatan'olombelona, ary ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty izay homen'Andriamanitra ho toy ny hoe "trano" maharitra.

**raha rava ny fonenana eto an-tany izay itoerantsika**  
Azo atao hoe DH: "Raha ravan'ny olona ny fonenana eto an-tany izay hitoerantsika" na "Raha vonoin'ny olona ny vatantsika"

#### Izany dia trano tsy nataon'ny tanan'olombelona

Izany dia milaza ny "fanorenan'Andriamanitra." DH: "Izany dia trano tsy nataon'ny olombelona"

#### eto amin'ity trano-lay ity isika no misento

Ny teny hoe "trano-lay" dia entina ilazana "ny fonenana eto an-tany izay itoerantsika." Ny teny hoe misento dia feo izay avoakan'ny olona maniry mafy ny hahazo zavatra tsara.

#### maniry mafy ny hitafy ny fonenantsika any an-danitra

Ny teny hoe "ny fonenantsika any an-danitra" dia entina ilazana ny "fanorenan'Andriamanitra." Resahin'i Paoly toy ny hoe fanorenan'ny fitafiana izay afaka anaovan'ny olona iray ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty.

#### amin'ny fanaovantsika izany

"amin'ny fitafiana ny fonenantsika any an-danitra"

**tsy ho hita mitanjaka isika**

Azo adika hoe DH: "tsy hitanjaka isika" na "Andriamanitra tsy hahita antsika mitanjaka"

**2 Corinthians 5:4****raha mbola eto amin'ity trano-lay ity tokoa isika**

Resahin'i Paoly toy ny hoe "trano-lay" ny vatan'olombelona .

**ity trano-lay ity tokoa isika, dia misento**

Ny teny hoe "trano-lay" dia manambara ny "fonenana any an-danitra izay hiterantsika." Ny teny hoe misento dia feo izay ataon'ny olona maniry mafy ny hahazo zavatra tsara. Jeeo ny fomba nandikanano izany ao amin'ny 5:1.

**mavesatr'entana**

I Paoly dia manambara ny fahasoratana izay ianan'ny vatan'olombelona ho toy ny hoe zavatra mavesatra izany ka sarotra lanjaina.

**Tsy te hitanjaka isika...te hitafy isika**

Resahin'i Paoly toy ny hoe fitafian ny vatana. Eto ny teny hoe "hitanjaka" dia entina ilazana ny fahafatesan'ny vatan'olombelona; ny hoe "hitafy" dia ilazana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty izay homen'Andriamanitra.

**hitanjaka**

"tsy mitafy" na "miboridana"

**mba ho atelin'ny fiainana izay mety maty**

Miresaka ny amin'ny fiainana toy ny hoe biby mihinana izay "mety maty" i Paoly. Ny vatan'olombelona izay ho faty dia ho soloina ny vatan'ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty izay ho velona mandrakizay.

**mba ho atelin'ny fiainana izay mety maty**

Azo atao hoe DH: "mba hahafahan'ny fiainana mitelina izay mety maty"

**izay nanome antsika ny Fanahy ho fanambarana izay ho avy**

Ny Fanahy dia resahina toy ny hoe fanonerana ampahany amin'ny fiainana mandrakizay. Jereo n fomba nandikanao izany ao amin'ny 1:21.

**2 Corinthians 5:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Satria hahazo vatana vaovao sy Fanahy Masina ho antoka ireo mpino, dia mampatsiahy azy ireo i Paoly mba hiaina amin'ny finoana mba hampifalian'izy ireo ny Tompo. Mbola nampatsiahy azy ireo ihany i Paoly handresy lahatra ny hafa satria 1) ireo mpino dia hiseho eo amin'ny seza fitsaran'i Kristy ary 2) nohon'ny fitiavana an'i Kristy izay maty ho an'ireo mpino.

**fa rehefa ao an-trano amin'ny vatana isika,**

Resahin'i Paoly toy ny hoe toerana honenan'ny olona ny vatan'olombelona. DH: "rehefa miaina eto amin'ity vatana an-tany ity isika"

**dia lavitra ny Tompo**

"tsy ao an-trano miaraka amin'ny Tompo isika" na "tsy any an-danitra miaraka amin'ny Tompo isika"

**Fa mandeha amin'ny finoana isika, fa tsy amin'ny fahitana**

"miaina araka ny finoana isika, fa tsy araka izay hitantsika"

**Aleontsika lavitry ny vatana**

Eto ny teny hoe "vatana" dia ilazana ny vatan'olombelona.

**ao an-trano miaraka amin'ny Tompo**

"ao an-trano miaraka amin'ny Tompo any an-danitra"

**2 Corinthians 5:9****na any an-trano isika na lavitra izany**

DH: "na ao an-trano miaraka amin'ny Tompo isika na lavitry ny Tompo"

**mba hahafinaritra Azy**

"mba hampifaly ny Tompo"

**eo alohan'ny seza fitsaràn'i Kristy**

"mba ho tsaraina eo anatrehan'i Kristy"

**ahazoan'ny tsirairay izay mifanaraka**

"mba handraisan'ny tsirairay izay mendrika azy"

**zava-bita tao amin'ny vatana**

Azo atao hoe DH: "Ireo zavatra izay vitany tamin'ny vatan'olombelona"

**na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy**

"na ho amin'ireo zavatra tsara na ratsy"

**2 Corinthians 5:11****ny fahafantarana ny tahotra ny Tompo**

"ny fahafantarana ny dikan'ny ny fatahorana ny Tompo"

**handresentsika lahatra ny olona**

Ireo mety ho dikany dia 1) "mandresy lahatra ny olona ny amin'ny fahamarinana ny filazantsara isika" na 2) "mandresy lahatra ny olona fa apostoly ara-dalana isika."

**Ny maha isika antsika dia hitan'Andriamanitra mazava**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia mahita mazava hoe karazan'olona toy ny ahoana isika"

**fa mazava amin'ny feon'ny fieritreretana ireo ihany koa izany**  
 "fa ianareo ihany koa dia resy lahatra ny amin'izany"

**mba hanananareo valin-teny**  
 "mba hanananareo zavatra holazaina"

**ireo izay mirehareha ny amin'ny endrika ivelany fa tsy ny amin'izay ao am-po.**  
 Eto ny teny hoe "endrika" dia entina ilazana ny zavatra ivelany toy ny fahaizana sy toerana. Ny teny hoe "fo" dia entina ilazana ny toetra anatin'ny olona. DH: "Ireo izay mirehareha ny amin'ny endrika ivelany ... fa tsy toy toetran'ny olona ao anaty"

## 2 Corinthians 5:13

**raha very saina izahay... raha tonga saina tsara izahay**  
 Miresaka momba ny fihevitr'ireo hafa azy sy ireo mpiara-miasa aminy i Paoly. DH: "Raha misy olona mihevitra fa very saina izahay ... raha misy olona mihevitra fa salama saina izahay"

**ny fitiavan'i Kristy**  
 Ireo mety ho dikany dia 1) "Ny fitiavantsika an'i Kristy" na 2) "Ny fitiavan'i Kristy antsika"

**Maty Izy ho an'ny rehetra**  
 "maty ho an'ny olona rehetra"

**fa ho Azy izay maty ary natsangana**  
 Eto ny teny hoe "azy" dia milaza an'i Kristy. DH: "Kristy, izay maty ary natsangan'Andriamanitra"

## 2 Corinthians 5:16

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Noho ny fitiavan'i Kristy sy ny fahafatesany, dia tsy tsaraina araka ny fomban'ny olombelona isika. Voatendry hampianatra ny hafa ny amin'ny fomba firaiana sy hihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahafatesan'i Kristy, sy ny handraisana ny fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy isika.

**Noho izany antony izany**  
 Izany dia milaza an'izay efa nolazain'i Paoly momba ny fiainana ho an'i Kristy fa tsy ho an'ny tena.

**dia olom-baovao izy**  
 Resahin'i Paoly toy ny hoe namorona olom-baovao Andriamanitra raha miresaka ny amin'ny olona mino an'i Kristy izy.

**Efa lasa ireo zavatra taloha**  
 Eto ny teny hoe "ireo zavatra taloha" dia entina ilazana ireo toetran'ny olona iray talohan'ny ninoany an'i Kristy.

**Indreo**  
 Ny teny hoe "indreo" dia manaitra ny saintsika mba ho liana tsara amin'ny fampahafantarana mahatalanjona izay manaraka.

## 2 Corinthians 5:18

**Ireo zavatra rehetra ireo**  
 "Andriamanitra nanao ireo zavatra rehetra ireo." Izany dia milaza izay vao nolazain'i Paoly tao amin'ny adininy teo aloha momba ireo zavatra vavovao izay nisolo ny taloha.

**ny asa fanompoan'ny fampihavanana**  
 Izany dia afaka adika amin'ny fehezanteny misy matoanteny. DH: "ny asa fanompoana mampihavana ny olona Aminy"

**Izany hoe**  
 "Izany dia midika fa"

**ao amin'i Kristy Andriamanitra no mampihavana izao tontolo izao amin'ny Tenany**  
 Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia ilazana ireo olona eto an-tany. DH: "ao amin'ny Kristy, Andriamanitra mampihavana ny olombelona amin'ny tenany"

**Nankininy taminay ny hafatry ny fampihavanana**  
 Andriamanitra nanome andraikitra an'i Paoly mba hampielany ny hafatra fa mampihavana ny olombelona tamin'ny tenany Andriamanitra.

**ny hafatry ny fampihavanana**  
 "Ny hafatra momba ny fampihavanana"

## 2 Corinthians 5:20

**voatendry ho mpisolon-tenan'i Kristy izahay**  
 Azo atao hoe DH: "Andriamanitra dia nanendry anay ho mpisolon-tenan'i Kristy"

**mpisolon-tenan'i Kristy**  
 "Ireo izay miteny ho an'i Kristy"

**Mihavàna amin'Andriamanitra**  
 Azo atao hoe DH: "Aoka Andriamanitra hampihavana anareo amin'ny tenany"

**Nataony tonga sorona ho an'ny fahotantsika Kristy**  
 "Andriamanitra nanao an'i Kristy ho sorona ho an'ny fahotantsika"

**fahotantsika... mba ho tonga...isika.**  
 Ny teny "antsika sy "isika" dia manondro ny mpino rehetra.

**Izy ilay Iray izay tsy nanota mihitsy**  
 "Kristy ilay iray izay tsy mba nanota mihitsy"

**Nataony izany... fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika**

"Nanao izany Andriamanitra ... ny fahamarinan'Andriamanitra ao amin'i Kristy"

**mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika**

Ny fehezanteny "ny fahamarinan'Andriamanitra" dia maneho ny fahamarinana izay takian'Andriamanitra sy avy amin'Andriamanitra. DH: "mba hahafahantsika manana ny fahamarinan'Andriamintra ao amintsika amin'ny alalan'i Kristy"

---

## Chapter 6

<sup>1</sup> Miara-miasa aminy, izahay ihany koa dia mampirisika anareo tsy handray ny fahasoavan'Andriamanitra fahatany. <sup>2</sup> Fa niteny izy hoe: "Tamin'ny fotoana mety dia nihaino anareo Aho, ary tamin'ny andron'ny famonjena dia nanampy anareo Aho. Jereo, ankehitriny no fotoana mety. Jereo, ankehitriny no andron'ny famonjena. <sup>3</sup> Tsy mametraka vato fanafintohinana eo anoloan'iza na iza izahay, fa izahay tsy maniry ny haharatsy laza ny asa fanompoanay. <sup>4</sup> Fa kosa, izahay dia manapororofo ny tenanay amin'ny asanay rehetra, fa mpanompon'Andriamanitra izahay. Izahay no mpanompony amin'ny fiaretana be, fahoriana, fahaterena, fahasaratana, <sup>5</sup> ireo kapoka, fanagadrana, fikomiana, amin'ny asa mafy, amin'ireo alina tsy misy torimaso, amin'ny hanoanana, <sup>6</sup> amin'ny fahadiovana, fahalalana, faharetana, fahatsoram-po, amin'ny Fanahy Masina, amin'ny tena fitiavana. <sup>7</sup> Izahay no mpanompony ao amin'ny tenin'ny fahamarinana, ao amin'ny herin'Andriamanitra. Izahay dia manana ny fiarovana amin'ny fahamarinana ho an'ny tanana havanana sy ny havia. <sup>8</sup> Izahay dia miasa amin'ny voninahitra sy amin'ny fahafam-baraka, amin'ny fanaratsiana sy ny fiderana. Izahay dia voampanga ho mpamitaka kanefa izahay dia marina. <sup>9</sup> Izahay dia miasa toy ireny tsy misy mahafatantra ireny kanefa izahay dia mbola fanta-daza. Miasa toy ny ho faty izahay-jereo-mbola miaina izahay. Miasa izahay toy ny saziana nohon'ny asanay nefa tsy toy ny voaheloka ho faty. <sup>10</sup> Izahay dia miasa toy ny malahelo, kanefa dia mifaly lalandava. Izahay dia miasa toy ny mahantra, kanefa dia mampanan-karena olona maro izahay. Miasa toy ny tsy manana na inona na inona izahay kanefa toy ny manana ny zavatra rehetra. <sup>11</sup> Izahay dia niteny ny marina rehetra taminareo, ry Korintiana, ary ny fonay dia mivoha midanadana. <sup>12</sup> Ny fonareo dia tsy nofehezina, fa ianareo no namehy ireo fihetseham-ponareo manokana. <sup>13</sup> Ary ho valiny ara-drariny-miresaka aminareo toy ny amin'ny zaza aho-voay hidanadana ny fonareo. <sup>14</sup> Aza mifamatotra amin'ireo tsy mpino. Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fandikan-dalàna? Fa inona no iarahan'ny mazava amin'ny maizina? <sup>15</sup> Inona no mety ho fifanarahana eo amin'i Kristy sy Beliala? Na inona no tokony anjara ananan'ny mpino iray sy amin'ny tsy mpino iray? <sup>16</sup> Ary inona no fifanarahana misy eo amin'ny tempolin'Andriamanitra sy ny sampy? Fa isika dia tempolin'Andriamanitra velona, araka ny efa nolazain'Andriamanitra hoe: "Hitoetra eo amin'izy ireo Aho ary handeha eo amin'izy ireo. Izaho dia ho Andriamanitr'izy ireo ary Izy ireo dia ho oloko." <sup>17</sup> Noho izany, "Mivoaha iala eo amin'izy ireo, ary mitokana," hoy ny Tompo. "Aza mikasika zavatra maloto, ary Izaho handray anareo. <sup>18</sup> Izaho dia ho Ray ho anareo, ary ianareo ho zanako lahy sy ho zanako vavy", hoy ny Tompo Tsitoha.

### 2 Corinthians 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mamintina ny tokony ho fomba fiasa miaraka amin'Andriamanitra i Paoly.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ao amin'ny andininy faha 2, notsongain'i Paoly avy tao amin'Isaia mpaminany ny ampahan'izany.

#### Miara-miasa

Misy hevitra ambadika arosan'i Paoly fa miara-miasa amin'Andriamanitra izy sy i Timoty. DH: "miara-miasa amin'Andriamanitra"

#### Fa niteny izy

"Fa Andriamanitra nilaza." Izany dia mampiditra teny notsongaina avy ao amin'Isaia mpaminany. DH: "Fa Andriamanitra nilaza tao amin'ny soratra masina"

#### Jereo

Ny teny hoe "Jereo" dia manaitra ny saintsika mba ho liana amin'ny fampahafantarana mahatalanjona manaraka eo.

#### Tsy mametraka vato fanafintohinana eo anoloan'iza na iza izahay

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra mivaingana izay maha-voafinganana sy hianjeran'ny olona ny zavatra rehetra izay manakana olona iray tsy hino an'i Kristy. DH: "Tsy te hanao na inona na inoa izay hanakana ny olona amin'ny finoana ny hafatray izahay"

#### tsy maniry ny haharatsy laza ny asa fanompoanay

Ny teny hoe "haharatsy laza" dia ilazana ireo olona manao filaza-ratsy ny momba ny asa fanompoan'i Paoly. DH: "tsy tianay hisy afaka ny hiteny ratsy ny amin'ny asa fanompoanay"

### 2 Corinthians 6:4

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Mampiasa ny hoe "izahay" i Paoly eto, manondro ny tenany sy Timoty izy.

#### izahay dia manapororofo ny tenanay amin'ny asanay rehetra, fa mpanompon'Andriamanitra izahay

"Manapororofo amin'alalan'ny zavatra rehetra ataonay izahay fa mpanompon'Andriamanitra"

**Izahay no mpanompony amin'ny fiaretana be... amin'ireo alina tsy misy torimaso, amin'ny hanoanana,**  
Manonona karazana toe-javatra sarotra i Paoly izay manaporofa fa izy ireo dia mpanompon'Andriamanitra.

**amin'ny fahadiovana...amin'ny tena fitiavana**  
Mitanisa toetra tsara maro i Paoly izay nohazonin'izy ireo nanoloana ny toe-javatra sarotra mba hanaporofa fa mpanompon'Andriamanitra izy ireo.

**Izahay no mpanompony ao amin'ny tenin'ny fahamarinana, ao amin'ny herin'Andriamanitra**  
Ny fanoloran-tenan'izy ireo hitory ny filzantsara amin'ny herin'Andriamanitra dia manaporofa fa mpanompon'Andriamanitra izy ireo.

**amin'ny tenin'ny fahamarinana**  
"amin'ny fitoriana ny teny marin'Andriamanitra"

**Izahay dia manana ny fiarovan'ny fahamarinana ho an'ny tanana havanana sy ny havia.**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe fitaovam-piadiana izay ampiasainy hiadiana ireo ady ara-panahy ny fahamarinan'izy ireo.

**fiarovan'ny fahamarinana**  
"ny fahamarinana no fiarovantsika" na "ny fahamarinana no fitaovam-piadiantsika"

**ho an'ny tanana havanana sy ny havia**  
Ireo mety ho dikany dia 1) misy fitaovam-piadiana ny tanana iray ary ampinga eo amin'ny ilany na 2) izy ireo dia hari-fitaovana tanteraka hiatrehana ady, afaka manohitra ny fanafihana avy amin'ny ilany rehetra.

## 2 Corinthians 6:8

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
I paoly dia mitanisa fanoherana maro ny amin'ny fomba fiheveran'ny olona azy sy ny asa fanompoany.

**Izahay dia voampanga ho mpamitaka**  
Azo atao hoe DH: "Miampanga anay ho mpamitaka ny olona"

**toy ireny tsy misy mahafatantra ireny kanefa izahay dia mbola fanta-daza**  
Azo atao hoe DH: "toy ny tsy nahafantatra anay ny olona kanefa dia tena mahalala anay tsara ny olona"

**jereo**  
Ny teny hoe "Jereo" dia manaitra ny saintsika mba ho liana amin'ny fampahafantarana mahatalanjona izay manaraka eo.

**Miasa izahay toy ny saizana nohon'ny asanay nefa tsy toy ny voaheloka ho faty.**  
Azo atao hoe DH: "Miasa toy ny hoe voasazin'ny olona nohon'ny fihetsikay izahay, fa tsy toy ny hoe voahelok'izy ireo ho faty"

## 2 Corinthians 6:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Mampahery ireo mpino ao Korinto i Paoly mba hisaraka amin'ny sampy sy hiaina fiainana madio ho an'Andriamanitra.

**niteny ny marina rehetra taminareo**  
"niresaka tamim-pahatsorana taminareo"

**ny fonay dia mivoaha midanadana**  
Resahin'i Paoly toy ny fananana fo midanadana ny fitiavany lehibe ho an'ireo Korintiana. DH: "tianay tokoa ianareo"

**Ny fonareo dia tsy nofehezinay, ianareo no namehy ireo fihetseham-ponareo manokana**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe noterena ao amin'ny toerana tery dia tery ny fon'izy ireo, raha miresaka ny amin'ny tsy fanana'ireo Korintiana fitiavana ho azy izy.

**Ny fonareo dia tsy nofehezinay**  
Azo atao hoe DH: "Tsy nofehezinay ny fonareo" na "tsy nanome antony hampitsaha anareo hitia anay izahay"

**ianareo no namehy ireo fihetseham-ponareo manokana**  
Azo adika hoe DH: "ny fihetsem-ponareo manokana no mamehy anareo" na "nitsahatra ny nitia anay ianareo noho ny antony izay anareo manokana"

**ho valiny ara-drariny**  
"ho valiny araka ny tokony ho izy"

**miresaka aminareo toy ny amin'ny zaza aho**  
I Paoly dia miresaka amin'ireo Korintiana toy ny amin'ny zanany ara-panahy. DH: "miresaka toy ny hoe rainareo aho"

**voay hidanadana ny fonareo**  
Mamporisika ny Korintiana i Paoly mba hitia azy tahaka ny hitiavany azy ireo. DH: "tiavo izahay tahaka ny nitavanay anareo"

## 2 Corinthians 6:14

**Fampafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ao amin'ny andininy faha 16, i Paoly dia mamerina teny maro avy amin'ny mpaminany ao amin'ny Testamenta taloha: Mosesy, Zakaria, Amosa, ary mety misy hafa koa.

**Aza mifamatotra amin'ireo tsy mpino**  
Azo atao hoe DH: "mifamatora amin'ireo mpino ihany"

**mifamatotra amin'ireo**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe biby roa niara-nafatotra mba hitarika saretany ny fiaraha-miasa amin'ny tanjona iraisana. DH: "miara-mivondrona amin'ny" na "manana fifandraisana akaiky amin'ny"

**Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fandikan-dalàna?**

Izany fanontaniana fampisainana izany dia miandry valiny ratsy. DH: "fa ny fahamarinana dia tsy misy ifandraisany amin'ny fandikan-dalàna"

**Fa inona no iarahan'ny mazava amin'ny maizina?**

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hanamafisany fa ny fahazavana na fahamaizinana dia tsy afaka miaraka satria ny hazavana dia mandroaka ny aizina. Ny teny hoe: "mazava" sy "maizina" dia maneho ny toetra tsara ara-pitondrantena sy ara-panahin'ireo mpino sy ireo tsy mpino. DH: "Ary ny fahazavana dia tsy afaka ny hiombona amin'ny aizina"

**Inona no mety ho fifanarahana eo amin'i Kristy sy Beliala?**

DH: "Tsy misy fifanarahana eo amin'i Kristy sy Beliala"

**Beliala**

Izany dia anarana hafa hiantsoana ny devoly.

**Na inona no tokony anjara ananan'ny mpino iray sy amin'ny tsy mpino iray?**

DH: "Ny mpino dia tsy mizara na inona na inona amin'ny tsy mpino"

**Ary inona no fifanarahana misy eo amin'ny tempolin'Andriamanitra sy ny sampy?**

DH: "Tsy misy fifanarahana eo amin'ny tempolin'Andriamanitra sy ny sampy"

**isika dia tempolin'Andriamanitra velona, araka ny efa nolazain'Andriamanitra**

I Paoly dia manondro ireo Kristiana rehetra hikambana ho tempoly iray hitoeran'Andriamanitra. DH: "Isika dia toy ny tempoly izay hitoeran'Andriamanitra velona"

## **2 Corinthians 6:17**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia mamerina ny tenin'ny mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha, Isaia sy Ezekiela.

**ary mitokana**

Azo adika hoe DH: "Atokano ny tenanareo" na "mamela ahy hanokana anareo"

**Aza mikasika zavatra maloto**

Azo adika hoe DH: "zavatra madio ihany no kasiho"

## Chapter 7

<sup>1</sup> Ireo malalako, hatramin'ny nananantsika ireo teny fikasana dia aoka isika hanadio ny tenantsika amin'ny zava-drehetra izay mahatonga fahalotoana eo amin'ny vatana sy fanahintsika. Aoka isika hikatsaka ny fahamasinana amin'ny fatahorana an'Andriamanitra. <sup>2</sup> Raiso izahay! Fa tsy nanao ratsy tamin'iza na iza. Tsy nandratra na nanararaotra na iza na iza izahay. <sup>3</sup> Tsy hanameloka anareo no hitenenako izao. Fa efa nolazaiko fa ato amponay ianareo, fa miara-maty ary miara-velona isika. <sup>4</sup> Manana fahatokisana lehibe anareo aho, ary mirehareha nohon'ny aminareo. Feno fampiononana aho. Mitobatobaka ny hafaliako na dia eo aza ny fampahoriana rehetra. <sup>5</sup> Rehefa tonga tany Makedonia izahay, tsy hanam-pitsaharana ny tenanay. Noho izany, ory tamin'ny fomba rehetra izahay nohon'ny fifandirana tany ivelany, sy ny tahotra tao anaty. <sup>6</sup> Fa Andriamanitra, izay mpampahery ny kivy, nampahery anay tamin'ny fahatongavan'i Titosy. <sup>7</sup> Tsy tamin'ny alalan'ny fahatongavany fotsiny no hampaherezan'Andriamanitra antsika. Fa tamin'ny fampaherezana izay noraisin'i Titosy avy aminareo. Miteny antsika izy ny amin'ny haben'ny fitiavanareo, ny alahelonareo, ary ny fiahianareo ahy lalina. Ka hifaly mandrakizay aho. <sup>8</sup> Na dia nampalahelo anareo aza ny taratasiko, dia tsy nampanenina ahy izany. Fa nanenina tamin'izany aho rehefa nahita fa nampalahelo anareo ny taratasiko. Fa nalahelo nandritra ny fotoana fohy ianareo. <sup>9</sup> Ankehitriny dia faly aho, tsy hoe satria ory ianareo, fa satria ny alahelonareo no nitondra anareo ho amin'ny fibebahana. Ianareo dia niaina ny fahoriana ao amin'Andriamanitra, koa tsy nisy very ny nijalianareo ho anay. <sup>10</sup> Ny fahoriana ao amin'Andriamanitra dia mitondra amin'ny fibebahana ny mba hahatanteraka ny famonjena tsy misy fanenenana. Na izany aza, ny alahelon'izao tontolo izao, dia mitondra fahafatesana. <sup>11</sup> Jereo ny vokatin'ny halehiben'ny fikirizanareo tamin'ny fahoriana ao amin'Andriamanitra. Lehibe tokoa ny halehiben'ny fikirizana tao aminareo mba hanaporofaana fa tsy manan-tsiny ianareo. Lehibe tokoa ny halehiben'ny fahatezeranareo, ny tahotrareo, ny alahelonareo, ny zotom-ponareo, ary ny fanirianareo ahita ny fahamarinana izay tokony atao! Amin'ny zava-drehetra dia nanaporofa tamin'ny tenanareo ianareo mba tsy ho meloka amin'izany raharaha izany. <sup>12</sup> Na dia nanoratra taminareo aza Aho, Izaho dia tsy nanoratra ho an'ireo mpanao ratsy, na ho an'ny iray izay miharitra ny ratsy. Nanoratra aho mba tokony hampahafantarana ny fahazotoanareo teo aminay eo anatrehan'Andriamanitra. <sup>13</sup> Tamin'ny alalan'izany no nampaherezana anay. Mihoatra nohon'ny fampaherezana izay efa anananay, nihoa-papana ny fifaliany nohon'ny fifalian'i Titosy, satria ny fanahiny dia velombelona noho ny aminareo rehetra. <sup>14</sup> Raha toa ka nirehareha taminy ny momba anareo aho, dia tsy mba afa-baraka aho. Mifanohitra amin'izany, ireo zavatra rehetra izay noteneninay taminareo dia marina avokoa, ny fireharehanay momba anareo tamin'i Titosy dia voaporofa fa marina. <sup>15</sup> Ny fitiavany anareo dia lehibe kokoa, tahakan'ny nahatsiarovany ny fankatoavanareo rehetra, Endrey ny fandraisanareo azy tamin'ny tahotra sy hovitra. <sup>16</sup> Faly aho satria manana fahatokiana tanteraka taminareo.

### 2 Corinthians 7:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
I Paoly dia manohy ny fampatsiahivana azy ireo mba hiala amin'ny fahotana sy hikatsaka fahamasinana.

**Ireo malalako**  
"Ianareo izay tiako" na "ry namako malalako"

**aoka isika hanadio ny tenantsika**  
Eto i Paoly dia milaza ny mba hialana lavitry ny endrika ny ota rehetra izay mety hanimba ny fifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra.

**Aoka isika hikatsaka ny fahamasinana**  
"Aoka isika hiezaka mafy ny ho masina"

**amin'ny fatahorana an'Andriamanitra**  
"amin'ny fanajana lehibe an'Andriamanitra"

### 2 Corinthians 7:2

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Efa nampitandrina ireo olona any Korinto ny amin'ireo mpitarika hafa izay miady mafy ny hahazo ireo mpino Korintiana mba hanaraka azy ireo i Paoly, dia mampatsiahy ireo olona ny amin'izay tsapany momba azy ireo.

**Raiso izahay**  
Izany dia miverina milaza izay efa nolazain'i Paoly tao amin'ny 6:11 mahakasika ny fanokafana ny fon'izy ireo ho azy. DH: "Omeo toerana ao amponareo izahay" na "Tiavo izahay ary maneke anay"

**Tsy hanameloka anareo no hitenenako izao**  
"Tsy miteny izany aho mba hiampangana anareo amin'ny fanaovana ny tsy mety." Ny teny hoe "izao" dia milaza izay vao nolazain'i Paoly mahakasika ny tsy fanaovan-dratsy tamin'iza na iza.



**ato amponay ianareo**

I Paoly dia miresaka ny aminy sy ny fitiavany lehibe sy ny an'ireo mpiara-miasa aminy ho an'ireo Korintiana toy ny hoe mihazona azy ireo tao ampony. DH: "malala indrindra aminay ianareo"

**fa miara-maty ary miara-velona isika**

Izany dia midika fa i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy dia hitia an'ireo Korintiana hatrany na inona na inona mitranga. DH: "na velona isika na maty"

**fa miara-maty ary miara-velona isika**

Tafiditra ao amin'ny hoe "isika" ireo Korintiana mpino.

**Feno fampiononana aho**

Azo adika hoe DH: "fenoinareo fampiononana aho"

**Tena faly aho**

IResahin'i Paoly toy ny hoe rano izay mameno azy mandra-pitobany ny fifaliana. DH: "Tena faly be aho"

**na dia eo aza ny fampahoriana rehetra**

"na dia ao aza ny fahasahiranana rehetra"

**2 Corinthians 7:5****Rehefa tonga tany Makedonia izahay**

Eto ny teny hoe "izahay" dia manondro an'i Paoly sy Timoty fa tsy ireo Korintiana na Titosy.

**tsy hanam-pitsaharana ny tenanay**

Eto ny hoe "ny tenanay" dia ilazana ny maha olona manontolo. DH: "tsy nanam-pitsaharana izahay " na "tena reraka izahay"

**ory tamin'ny fomba rehetra izahay**

Azo adika hoe DH: "niaina olana tamin'ny lafiny rehetra izahay"

**nohon'ny fifandirana tany ivelany, sy ny tahotra tao anaty**

Ireo mety ho dikan'ny "ivelany" dia 1) "ivelan'ny vatana" na 2) "ivelan'ny fiangonana." Ny teny hoe "anatin'ny" dia ilazana ny fihetseham-po anatin'izy ireo. DH: "nohon'ny fifandirana amin'ny olona hafa sy noho ny tahotra tao anatinay"

**Fa tamin'ny fampaherezana izay noraisin'i Titosy avy aminareo**

I Paoly dia nandray fampiononana tamin'ny fahafantarana fa nampionona an'i Titosy ireo Korintiana. DH: "tamin'ny fahafantarana ny amin'ny fampiononana azon'i Titosy taminareo"

**2 Corinthians 7:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Midera azy ireo i Paoly noho ny alahelon'izy ireo, ny zotom-pon'izy ireo hanao ny marina, ary ny fifaliana izay nentin'izay ho azy sy Titosy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Izany dia milaza ny taratasin'i Paoly teo aloha ho an'ireo mpino Korintiana izay nananarany azy nohon'ny faneken'izy ireo ny fitondran-tena maloto ataon'ny mpino miaraka amin'ny vadin-drain'izy ireo.

**Rehefa nahita fa nampalahelo anareo ny taratasiko**

"rehefa naheno aho fa ny taratasiko dia"

**tsy hoe satria ory ianareo**

Azo atao hoe DH: "tsy hoe satria nampahory anareo izay nolazaiko tao amin'ny taratasiko"

**koa tsy nisy very ny nijalianareo ho anay**

"tsy nisy fatiantoka ho anareo satria nananatra anareo izahay" Izany dia midika fa na dia nampalahelo azy ireo aza ilay taratasy, dia nahazo tombony tamin'izay taratasy izany ihany izy ireo satria nitarika azy ireo ho amin'ny fibebahana izany. DH: "tsy nanao ratsy taminareo tamin'ny lafiny rehetra izahay"

**Ny fahoriana ao amin'Andriamanitra dia mitondra**

**amin'ny fibebahana ny mba hahatanteraka ny famonjena**

Ny teny hoe "Fibebahana" dia mety ho naverimberina mba hanazavana ny fifandrasian'izany amin'izay mialoha izany ary izay manaraka izany. DH: "fa ny fahoriana araka an'Andriamanitra dia miteraka fibebahana, ary ny fibebahana dia mitondra famonjena"

**tsy misy fanenenana**

Ireo mety ho dikany dia 1) tsy nanenina i Paoly fa nahatonga azy ireo alahelo satria nitondra azy ireo tamin'ny fibebahana sy famonjena izany alahelo izany na 2) Tsy hanenina ireo Korintianina raha niaina alahelo satria nitondra azy ireo ho amin'ny fibebahana sy famonjena izany.

**ny alahelon'izao tontolo izao, dia mitondra fahafatesana**

Izany karazana alahelo izany dia mitondra fahafatesana fa tsy famonjena satria tsy miteraka fibebahana izany. DH: "ny alahelon'izao tontolo izao, fa kosa, mitondra ho amin'ny fahafatesana arapanahy"

**2 Corinthians 7:11****Jereo**

Izany teny izany dia manampy amin'ny fanamafisana ny zavatra izay nolazaina manaraka.

**Lehibe tokoa ny halehiben'ny fikirizana tao aminareo mba hanaporofa fa tsy manan-tsiny ianareo**

Azo adika hoe DH: "Ny fikirizana anareo hanaporofa fa tsy manan-tsiny ianareo dia lehibe tokoa!"

**ny fahamarinana izay tokony atao**

Azo adika hoe DH: "fa ny olona dia tokony hanao ny marina"

**mpanao ratsy**  
 "Ilay iray izay nanao ratsy"

**mba tokony hampahafantarana ny fahazotoanareo teo aminay**  
 Azo adika hoe DH: "mba hahafantaranareo fa ny fahazotoanareo ho anay dia tena am-pahatsorana"

**eo anatrehan'Andriamanitra**  
 Izany dia entina ilazana ny fanatrehan'Andriamanitra. Ny fahazoan'Andriamanitra sy fankasitrahana ny fahamarinan'i Paoly dia ambara ho toy ny hoe afaka mahita azy ireo Andriamanitra. DH: "eo anatrehan'Andriamanitra" na "miaraka amin'Andriamanitra ho vavolombelona."

## 2 Corinthians 7:13

**Tamin'ny alalan'izany no nampaherezana anay**  
 Eto ny teny hoe "izany" dia ilazana ny fomba nasetrin'ireo Korintiana ny taratsin'i Paoly teo aloha, araka ny namaritany azy ao amin'ny andininy teo aloha. Izany dia afaka adika hoe DH: "izany no nampahery anay"

**ny fanahiny dia velombelona noho ny aminareo rehetra**  
 Eto ny teny hoe "fanahy" dia milaza ny toetran'ny olona iray. Azo atao hoe DH: "namelombelona ny fanahiny ianareo rehetra" na "ianareo rehetra dia nampitsahatra ny fanahiany"

**Raha toa ka nirehareha taminy ny momba anareo aho**  
 "Fa na mirehareha aminy ny momba anareo aza aho"

**dia tsy mba afa-baraka aho**  
 "tsy nandiso fanantenana ahy ianareo"

**ny fireharehanay momba anareo tamin'i Titosy dia voaporofa fa marina**  
 "Nanaporofa ianareo fa ny fireharehanay tamin'i Titosy ny aminareo dia marina"

## 2 Corinthians 7:15

**ny fankatoavanareo rehetra**  
 Ny teny hoe "fankatoavana" dia afaka avadika ho matoanteny, "mankatoa." DH: "Ny Fomba nankatoavanareo rehetra"

**ny fandraisanareo azy tamin'ny tahotra sy hovitra**  
 Eto ny teny hoe "tahotra" sy "hovitra" dia mitovitovy hevitra ihany ary manamafy ny fahalebiazan'ny tahotra. DH: "Nandray azy tamin'ny fanjana lehibe ianareo"

**tamin'ny tahotra sy hovitra**  
 Ireo mety ho dikany dia 1) "tamin'ny fanjana lehibe ho an'Andriamanitra" na 2) "tamin'ny fanjana lehibe ho an'i Titosy."

## Chapter 8

<sup>1</sup> Tianay ho fantatrareo, ry rahalahy, ny momban'ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ireo fiangonan'i Makedonia. <sup>2</sup> Nandritran'ny fitsapana lehibe amin'ny fahoriana, ny fitobaky ny hafaliany sy ny fara-fahantran'izy ireo dia niteraka haren-dehiben'ny falalan-tanana. <sup>3</sup> Satria mijoro vavolombelona aho fa nanao be arak'izay vitany izy ireo, ary mihoatra an'izay vitany aza. Ary tamin'ny sitrapon'izy ireo manokana <sup>4</sup> sy niaraka tamin'ny fitalahoana mafy no nangatahan'izy ireo taminay ny fahafahana mba hanana anjara amin'ity asa fanompoana eo amin'ireo mpino ity. <sup>5</sup> Tsy niseho arak'izay nantenainay izany. Fa kosa, nanolotra ny tenany mialoha tamin'Andriamanitra izy ireo. Ary nanolo-tena ho anay izy ireo tamin'ny sitrapon'Andriamanitra. <sup>6</sup> Ka namporisika an'i Titosy izahay, izay efa nanomboka an'izany asa izany, mba hanantanteraka ny fahasoavana eo aminareo. <sup>7</sup> Fa ianareo kosa dia manan-karena amin'ny zavatra rehetra, amin'ny finoana, amin'ny teny, amin'ny falalana, amin'ny fahazotona rehetra, ary amin'ny fitiavanareo anay. Koa ataovy azo antoka mba hanan-karena amin'izany asa fahasoavana ianareo. <sup>11</sup><sup>8</sup> Tsy miteny izany toy ny didy aho. Fa kosa, miteny izany aho amin'ny fitsapana ny fahamarinan'ny fitiavanareo amin'ny fampitahana izany amin'ny zotom-pon'ny olona hafa. <sup>9</sup> Satria fantatrareo ny fahasoavan'nyTompontsika Jesosy Kristy. Ka na nanan-karena aza izy, dia lasa mahantra noho ianareo, koa amin'ny alalan'ny fahantrana no mety ahazoanareo harena. <sup>10</sup> Amin'izany resaka izany dia hanome toro-hevitra anareo aho izay hanampy anareo. Herintaona lasa izay, dia tsy nanomboka nanao zavatra fotsiny ianareo, fa naniry ny manao izany. <sup>11</sup> Ankehitriny vitao izany, toy ny nisian'ny zotom-po sy ny faniriana hanao izany, dia enga anie hanatanteraka izany koa ianareo, arak'izay azonareo hatao. <sup>12</sup> Satria raha maniry mafy ny hanao izany asa izany ianareo, dia zavatra tsara sy azo ekena izany. Tsy maintsy mifototra amin'izay hananan'ny olona iray izany, fa tsy izay tsy ananany. <sup>13</sup> Fa izany asa izany dia tsy mba hanamaivana ny hafa ary hanavesatra anareo. Fa kosa, tokony hisy ny rariny. <sup>14</sup> Ny harenareo amin'izao fotoana izao dia hanome izay ilain'izy ireo. Ka izany koa dia mba hanomezan'ny haren'izy ireo izay ilainareo. Ary mba anomezan'izy ireo ny rariny <sup>15</sup> Araka izay efa voasaoratra hoe: "ilay iray izay nanana betsaka dia tsy nanana ambiny, ary ilay iray izay nanana ny kely dia tsy nanana ny tsy ampy. <sup>16</sup> Fa an'Andriaminatra ny fisaorana, izay nametraka ny tao am-pon'i Titosy ny fahamatorana izay ananako aminareo. <sup>17</sup> Fa izy tsy nanaiky fotsiny ny antsontsika, fa tena matotra ny amin'izany ihany koa. Nanatona anao tamin'ny sitrapony manokana izy. <sup>18</sup> Nalefanay izy niaraka tamin'ilay rahalahy izay noderaina teo anivon'ny fiangonana rehetra noho ny asany izay mitory ny filazantsara. <sup>19</sup> Tsy izany ihany, fa izy ihany koa dia notendren'ireo fiangonana mba handeha hiaraka aminay hitondra izao asan'ny fahalalan-tanana izao. Izany dia ho an'ny voninahitr'izy Tompo ary ho an'ny fanirianay hanampy. <sup>20</sup> Mitandrina izahay ny amin'ny mety hisian'ny olona mitaraina mombanay mahakasika an'io asa fahalala-tanana izay hataonay io. <sup>21</sup> Ka mila mitandrina izahay mba hanao ny mendrika, fa tsy eo anatrehan'ny Tompo irery ihany, fa eo alohan'ny olona koa. <sup>22</sup> Mandefa rahalahy iray hafa ihany koa izahay miaraka amin'izy ireo. Matetika izahay no nitsapa azy, ary nahita azy mafana fo tamin'ny asa maro. Mazoto kokoa izy izao ankehitriny noho ilay fahatokisana lehibe izay ananany aminareo. <sup>23</sup> Raha ny amin'i Titosy, izy no namako sy mpiaramiasa amiko ho anareo. Raha ny amin'ny rahalahinay, dia nalefan'ireo fiangonana izy ireo. Voninahitra ho an'i Kristy izy ireo. <sup>24</sup> Koa aseho azy ireo ny fitiavanareo, ary aseho amin'ny fiangonana ny anton'ny fireharehanay momba anareo.

### Footnotes

8:7 <sup>[1]</sup>NY ULB sy ny UDB, miaraka amin'ireo dikan-teny maro hafa, dia mivaky toy izao: "Ao amin'ny fitiavana anay." Ny dikan-teny hafa dia mivaky toy izao: "Ary ao amin'ny fitavanay anareo"

## 2 Corinthians 8:1

### Fampifandrasiana ny foto-kevitra:

Rehefa avy nanome fanazavana ny amin'ny fanovany ny drafitra sy ny lalan'ny asa fanompoana, dia miresaka momba ny fanomezana i Paoly.

**fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ireo fiangonan'i Makedonia**

DH: "ny fahasoavana izay nomen'Andriamanitra ho an'ny fiangonan'i Makedonia"

**ny fitobaky ny hafaliany sy ny fara-fahantran'izy ireo dia niteraka haren-dehiben'ny falalan-tanana**  
I Paoly dia miresaka ny "hafaliana" sy ny "fahantrana" ho to ny hoe zava-manan'aina izay afaka mamokatra fahalalahan-tanana. DH: "Noho ny fifaliana lehiben'ny olona sy ny fahantrana farahidiny, dia nanjary nalala-tanana izy ireo"

#### **ny fitobaky ny hafaliany**

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra mivaingana izay afaka mitombo habe sy isa ny fifaliana.

#### **ny fara-fahantran'izy ireo ... haren-dehiben'ny falalan-tanana**

Na dia niaritra fitsapanasy fahoriana ary fahantrana aza ny fiangonanan'i Makedonia, tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia afaka nanangom-bola ho an'ireo mpino tany Jerosalema izy ireo.

#### **haren-dehiben'ny falalan-tanana**

"falalan-tanana lehibe." Ny hoe "haren-dehibe" dia manamafy ny fahalebiazan'ny falalan-tanana.

### **2 Corinthians 8:3**

#### **nanolo-tena... izy ireo**

Izany dia manondro ireo fiangonana any Makedonia.

#### **tamin'ny sitrapon'izy ireo manokana "an-tsitrabo"**

#### **niaraka tamin'ny fitalahoana mafy no nangatahan'izy ireo taminay**

Eto ny teny hoe "Fitalahoana" sy "nangatahana" mitoitovy heitra ary manamafy ny fahazotoana amin'ny fangatahan'ny olona. DH: "nangataka tamim-pahazotoana taminay izy ireo"

#### **amin'ity asa fanompoana eo amin'ireo mpino ity**

Miresaka ny amin'ny fanomezana vola ho an'ireo mpino any Jerosalema i Paoly. DH: "ity asa fanompoana amin'ny fanomezam-bola ho an'ireo mpino any Jerosalema ity"

### **2 Corinthians 8:6**

#### **izay efa nanomboka an'izany asa izany**

Miresaka ny amin'ny fanangonam-bola ho an'ireo mpino any Jerosalema i Paoly. DH: "izay namporisika ny fanomezanareo tamin'ny voalohany indrindra"

#### **mba hanatanteraka ny fahasoavana eo aminareo**

Hanampy an'ireo Korintianina i Titosy mba hanatanteraka ny fanangonam-bola. DH: "mba hampahery anareo hanatanteraka ny fanomezam-pahasoavan'ny falalan-tanana"

#### **Fa ianareo kosa dia manan-karena amin'ny zavatra rehetra**

Resahin'i Paoly toy ny hoe miteraka fananana mivainagana ireo mpino Korintiana. DH: "Ianareo dia manao ny tsara amin'ny fomba rehetra"

#### **ataovy azo antoka mba hanan-karena amin'izany asa fahasoavana ianareo**

Resahin'i Paoly toy ny hoe miteraka fananana mivainagana ireo mpino Korintiana. DH: "ezaho ny hanao tsara amin'ny fanomezana ho an'ireo mpino any Jerosalema"

### **2 Corinthians 8:8**

#### **fampitahana izany amin'ny zotom-pon'ny olona hafa**

Mampahery ireo Korintiana mba hanome am-palalahana i Paoly, amin'ny fampitahana azy ireo amin'ny falalan-tanan'ireo fiangonan'i Makedonia.

#### **ny fahasoavan'nyTompontsika Jesosy Kristy**

Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia manamafy ny falalahan-tanana izay nitahian'i Jesosy ireo Korintiana.

#### **na nanan-karena aza izy, dia lasa mahantra noho ianareo, koa amin'ny alalan'ny fahantrana**

Resahin'i Paoly fa talohan'ny nisehoan'i Jesosy dia nahantra Izy, ary rehefa tonga olombelona Izy dia nahantra.

#### **amin'ny alalan'ny fahantrana no mety ahazoanareo harena.**

Resahin'i Paoly toy ny hoe vokatry ny fahatongavan'i Jesosy ho olombelona ny fahatongavan'ireo Korintiana ho manan-karena arapanahy.

### **2 Corinthians 8:10**

#### **Amin'izany resaka izany**

Izany dia milaza ny fanangonan'izy ireo ny vola izay omena ireo mpino any Jerosalema. DH: "momba ny fanangonana"

#### **toy ny nisian'ny zotom-po sy ny faniriana hanao izany**

Izany dia afaka lazaina amin'ny fehezanteny misy matoanteny. DH: "nafana fo ianareo ary naniry ny hanao izany"

#### **hanatanterka izany koa ianareo**

"hahafeno iany" na "hamita izany"

#### **zavatra tsara sy azo ekena**

Eto ireo teny hoe " tsara" na "azo ekena" dia mitovitoy hevitra ary manamafy ny fahatsaran'ilay zavatra. DH: "zavatra tena tsara"

#### **Tsy maintsy mifototra amin'izay hananan'ny olona iray izany**

"Ny fanomezana dia tsy maintsy mifototra amin'izay hanan'ny olona iray"

**2 Corinthians 8:13****Fa izany asa izany**

Izany dia milaza ny fanangonana ny vola ho an'ireo mpino any Jerosalema. DH: "Fa izany asa fanangonam-bola izany"

**mba hanamaivana ny hafa ary hanavesatra anareo**

Azo adika hoe DH: "mba hahazoanareo manamaivana ny hafa ary manavesatra ny tenanareo"

**tokony hisy ny rariny**

"Tokony hisy ny fitoviana"

**Ka izany koa dia mba hanomezan'ny haren'izy ireo izay ilainareo**

Satria efa miasa amin'izao fotoana izao ireo Korintianina, dia midika izany fa hanampy azy ireo ihany koa ireo mpino any Jerosalema amin'ny ho avy. DH: "koa izany koa dia mba hahafahan'ny fitobaky ny haren'izy ireo hanampy amin'izay ilainareo amin'ny ho avy"

**Araka izay efa voasaoratra**

Mamerina teny avy ao amin'ny Eksodosy i Paoly. DH: "araka ny nosoratan'i Mosesy"

**dia tsy nanana ny tsy ampy**

Azo adika hoe DH: "nanana ny rehetra izay nilainy"

**2 Corinthians 8:16****izay nametraka ny tao am-pon'i Titosy ny fahamatorana izay ananako aminareo**

Eto ny teny hoe "fo" dia milaza ireo fihetsem-po. Izany dia midika fa Andriamanitra no nahatonga an'i Titosy hitia azy ireo. DH: "izay nahatonga an'i Titosy hiahy anareo araka izay ataoko koa"

**ny fahamatorana izay ananako aminareo**

"mitovy hafanam-po " na "fahiana lalina mitovy"

**Fa izy tsy nanaiky fotsiny ny antso ataontsika**

Miteny amin'i Titosy i Paoly mba hiverina any Korinto ary hanatanteraka ny fanangonana. DH: "Fa tsy nanaiky fotsiny ny fangatahantsika izy fa hanampy anareo amin'ny fanangonana"

**2 Corinthians 8:18****niaraka taminy**

"niaraka tamin'i Titosy"

**'ilay rahalahy izay noderaina teo anivon'ny fiangonana rehetra**

Azo adika hoe DH: "Ilay rahalahy izay derain'ireo mpino rehetra ao amin'ny fiangonana"

**Tsy izany ihany**

"Tsy midera azy fotsiny ihany ireo mpino ao amin'ireo fiangonana rehetra"

**fa izy ihany koa dia notendren'ireo fiangonana**

DH: "nifidy azy ihany koa ireo fiangonana"

**mba handeha hiaraka aminay hitondra izao asan'ny fahalalan-tanana izao**

"mba hanatanteraka izany asa feno falalahan-tanana izany." Ity dia maneho ny fitondrana ny fanatitra ho an'i Jerosalema.

**an'ny fanirianay hanampy**

"mba hanehoana ny fanirianay hanampy"

**2 Corinthians 8:20****mahakasika an'io asa fahalala-tanana izay hataonay io**

"mahakasika ny fomba fiasantsika amin'izany fanomezana malala-tanana izany." DH: "Ity dia maneho ny fitondrana ny fanatitra ho an'i Jerosalema.

**Ka mila mitandrana izahay mba hanao ny mendrika**

"mila mitandrana izahay amin'ny fitazonana izany fanomezana izany amin'ny fomba mendrika"

**eo anatrehan'ny Tompo...eo alohan'ny olona**

"Amin'ny hevin'ny Tompo... Amin'ny hevitra ny olona"

**2 Corinthians 8:22****miaraka amin'izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho an'i Titosy sy ny rahalahany voalaza teo aloha.

**izy no namako sy mpiara-miasa amiko ho anareo**

"izy no mpiara miasa amiko izay miaraka amiko hanampy anareo.

**Raha ny amin'ny rahalahinay**

Ity dia maneho ireo lehilahy roa hafa izay hiaraka amin'i Titosy.

**nalefan'ireo fiangonana izy ireo**

DH: "ireo fiangonana no nandefa azy ireo"

**Voninahitra ho an'i Kristy izy ireo**

DH: "hahatonga ny olona hanome voninahitra an'i Kristy izy ireo"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Mikasika ny asa fanompoana ho an'ny mpino, tsy tena ilaiko ny manoratra ho anareo. <sup>2</sup> Fantatro ny momba ny fanirinareo, izay ireharehako amin'ny olon'i Makedonia. Nolazaiko azy ireo fa Akaia dia efa vonona nanomboka tamin'ny taona lasa. Ny zotom-ponareo no nanosika ny ankamaroan'izy ireo hiasa. <sup>3</sup> Ary nirahiko ny rahalahy mba tsy ho zava-poana ny fireharehantsika momba anareo, ary mba ho vonona ianareo, araka ny efa nolazaiko ho ianareo. <sup>4</sup> Raha tsy izany, raha misy Makedoniana maro miaraka amiko ary mahita anareo mbola tsy vonona, dia ho menatra isika-tsy milaza na inona na inona momba anareo aho-noho ny fahatokiana anareo. <sup>5</sup> Ka mieritreritra aho fa ilaina ny mamporisika ireo rahalahy hankany aminao ary hanao fifanarahana mialoha ny amin'ny fanomezana efa nampanantenainao. Izany dia ahafahana mivonona toy ny fitahiana, fa tsy toy ny zavatra tsy azo ekena. <sup>6</sup> Ny tena izy dia ity: Ny iray izay mamafy kely dia hijinja ny kely ihany koa, ary ny iray izay mamafy amin'ny tanjom-pitahiana dia hijinja fitahiana ihany koa. <sup>7</sup> Avelao ny tsirairay hanome araka izay efa norafetiny tao am-pony. Aza avela manome fahoriana na faneriterena izy. Fa ny mpanome am-pifaliana no tian'Andriamanitra. <sup>8</sup> Ary Andriamanitra dia afaka mampitombo ny fitahiana ho anao, mba, amin'ny zavatra rehetra, dia afaka hahazo izay ilainareo rehetra mandrakariva ianareo. Izany no misy dia mba ahafahanareo manatombo ny asa soa anareo. <sup>9</sup> Izany dia araka ny voasoratra hoe: "Nozarainy ireo harenany ary nanome azy ireny ho an'ny mahantra. Maharitra mandrakizay ny fahamarinany." <sup>10</sup> Izy izay mamatsy voa ho an'ny mpamboly izay mamafy sy ny mofo ho an'ny sakafo, dia hamatsy sy hampitombo ny voanao ihany koa ho amin'ny famafazana. Hampitombo ny vokatra ny fahamarinanao izy. <sup>11</sup> Hahazo harena amin'ny fomba rehetra ianao mba hahatonga anao ho malala-tanana. Izany dia hitondra fanehoam-pisaorana an'Andriamanitra amin'ny alalanay. <sup>12</sup> Ny fanatanterahana io asa fanompoana io dia tsy vitan'ny hoe mahafeno ny zavatra ilain'ny mpino fotsiny ihany. Mitombo ihany koa izany amin'ny asa fanomezam- pisaorana an'Andriamanitra maro. <sup>13</sup> Fa noho ny fitsapana anareo izay voaporofa amin'io asa io, dia hanome voninahitra an'Andriamanitra koa ianareo amin'ny fankatoavana ny fibabohanareo amin'ny filazantsaran'i Kristy. Dia hanome voninahitra an'Andriamanitra koa ianareo amin'ny fahalalahan-tananareo amin'ny fanomezana ho an'izy ireo sy ny olon-drehetra. <sup>14</sup> Maniry anao izy ireo, ary mivavaka ho anao izy ireo. Manao izany izy ireo noho ny fahalebiazan'ny fahasoavan'Andriamanitra ao aminao. <sup>15</sup> Ho an'Andriamanitra anie ny saotra noho ny fanomezany tsy hay lazaina!

### 2 Corinthians 9:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly dia manohy ny lohahevitra ny fanomezana. Tiany ho azo antoka fa ny fanangonana ny fanatitra ho an'ireo mpino mahantra any Jerosalema dia tokony haka toerana mialohan'ny hatongavany mba tsy ho hita toy ny hoe maka tombontsoa amin'izy ireo izy. Miresaka momba ny fanomezana fitahiana ny mpanome sy fanomezana voninahitra an'Andriamanitra izy.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Rehef miresaka ny amin'ny hoe Akaia i Paoly, dia miresaka momba ny faritany Romana hita any atsimon'ny tany Grika izay misy an'i Korinto.

#### ny asa fanompoana ho an'ny mpino

Izany dia milaza ny fanangonana ny vola izay omena ireo mpino any Jerosalema. Ny hevitra fenon'izany dia azo azavaina. DH: "ny asa fanompoana ho an'ireo mpino any Jerosalema"

#### Akaia dia efa vonona

Eto ny teny hoe "Akaia" dia manambara ireo olona izay monina any amin'io faritany io, ary indrindra

ireo olon'ny fiangonana any Korinto. DH: "Ny olon'i Akaia dia efa niomana"

### 2 Corinthians 9:3

#### ny rahalahy

Izany dia milazan'i Titosy sy ireo lehilahy roa izay manaraka azy.

#### tsy ho zava-poana ny fireharehantsika momba anareo

Tsy tian'i Paoly ireo hafa hihevitra fa ireo zavatra izay nireharehany mahakasika an'ireo Korintiana dia diso.

#### mahita anareo mbola tsy vonona

"mahita anareo tsy vonona ny hanome"

#### tsy milaza na inona na inona momba anareo aho

I Paoly dia mampiasa izany fanambarana izany mba hanindriana fa marina ny zavatra momba an'ireo Korintiana. DH: "ary ianareo dia ho menatra kokoa"

#### ireo rahalahy hankany aminao

Araka ny fomba fijerin'i Paoly, dia handeha ireo rahalahy. DH: "Ireo rahalahy hankany aminao"

**tsy toy ny zavatra tsy azo ekena.**

Azo adika hoe DH: "tsy toy ny hoe zavatra izay noterenay homenareo"

## 2 Corinthians 9:6

**Ny iray izay mamafy... hijinja fitahiana**

I Paoly dia mampiasa saritsarin'ny mpamboly iray mamafy voa mba hamaritana ny vokatra azo. Tahaka ny vokatra ny mpamboly izay mifototra amin'ny habetsaky ny famafiny, dia miankina amin'ny habetsaky ny fanomezana ireo Korintiana koa ny habe na hakelin'ny fitahiana'Andriamanitra.

**hanome araka izay efa norafetiny tao am-pony**

Eto ny teny hoe "fo" dia ilazana ny hevitra sy ny fihetseham-po. DH: "hanome araka izay noheveriny"

**fahoriana na faneriterena izy**

Azo adika hoe DH: "Satria mahatsiaro tena ho meloka izy na misy olona manery azy"

**Fa ny mpanome am-pifaliana no tian'Andriamanitra**

Andriamanitra dia maniry ny hanome am-pifaliana fanomezana ho an'ireo mpiray finoana.

## 2 Corinthians 9:8

**Andriamanitra dia afaka mampitombo ny fitahiana ho anao**

"Andriamanitra dia afaka mampitombo ny fitahiana rehetra ho anareo." Tahaka ny olona iray izay manome vola ho an'ireo mpino hafa, Andriamanitra ihany koa dia manome fitahiana bebe kokoa ho an'ny mpanome mba hananany izay rehetra ilainy.

**mba ahafahanareo manatombo ny asa soa anareo**

"mba hahafahanareo manao asa soa bebe kokoa"

**Izany dia araka ny voasoratra**

Azo adika hoe DH: "Izany dia toy ny efa nosoratan'ny mpanoratra"

## 2 Corinthians 9:10

**Izy izay mamatsy**

"Andriamanitra ilay manome"

**mofo ho an'ny sakafo**

Eto ny teny hoe "mofo" dia ilazana ny sakafo amin'ny anakapobeny. DH: "sakafo hohanina"

**dia hamatsy sy hampitombo ny voanao ihany koa ho amin'ny famafazana**

I Paoly dia miresaka momban'ny fananan'ireo Korintiana toy ny hoe voa, ary ny fanomezana ho an'ny hafa toy ny hoe mamafy voa izy ireo. DH: "Hamatsy sy hampitombo ny fanananareo ihany koa Izy mba hahafahanareo mamafy amin'ny fanomezana ireny ho an'ny hafa."

**Hampitombo ny vokatra ny fahamarinanao izy**

I Paoly dia mampitaha ireo tombontsoa izay ho raisin'ireo Korintiana avy amin'ny falalahan-tanana amin'ny vokatra ny fijinjana. DH: "Andriamanitra hitahy anareo kokoa aza noho ny fahamarinanareo"

**ny vokatra ny fahamarinanao**

"ny fijinjana izay azo avy amin'ireo asanareo." Eto ny teny hoe "fahamarinana" dia ilazana ireo asa marin'ireo Korintiana amin'ny fanomezana harena ho an'ireo mpino any Jerosalema.

**Hahazo harena...fomba rehetra ianao**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia hampan-karena anareo"

**Izany dia hitondra fanehoam-pisaorana**

**an'Andriamanitra amin'ny alalanay**

Ny teny hoe "izany" dia maneho ny falalan-tanan'ireo Korintiana. DH: "Noho ny falalan-tananareo, ireo izay nandray ireo fanomezana hoentinay ho azy ireo dia hisotra an'Andriamanitra" na "Ary rehefa manome ny fanomezanareo ho an'izay mila izany izahay, dia hanome fisaorana an'Andriamanitra izy ireo"

## 2 Corinthians 9:12

**Ny fanatanterahana io asa fanompoana io**

Eto ny teny hoe "asa fanompoana" dia maneho an'i Paoly sy ireo namany mitondra ny fanomezana ho an'ireo Mpino any Jerosalema. DH: "ny fanantaterahanay izany asa fanompoana izany ho an'ireo mpino any Jerosalema"

**Mitombo ihany koa izany amin'ny asa fanomezam-pisaorana an'Andriamanitra maro**

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra izay afaka mampitombo ny tenany ho zavatra maro ny asa fanompoan'ireo mpino Korintiana. DH: "Mampisy asa maro ihany koa izany, izay hisaoran'ny olona an'Andriamanitra"

**Fa noho ny fitsapana anareo izay voaporofa amin'io asa io**

Azo adika hoe DH: "Satria izany asa izany dia efa nitsapa ary nanaporofa anareo"

**dia hanome voninahitra an'Andriamanitra koa ianareo amin'ny fankatoavana ... amin'ny fahalalahan-tananareo amin'ny fanomezana ho an'izy ireo sy ny olon-drehetra**

I Paoly dia milaza fa sady hankalaza an'Andriamanitra amin'ny fahatokiana amin'i Jesosy no amin'ny fanomezana an-tsitraro ho an'ireo mpino izay mila izany ireo Korintiana.

**noho ny fanomezany tsy hay lazaina!**

"ho an'ny fanomezany, izay tsy misy teny mahalaza izany." Ireo mety ho dikany dia 1) izany dia maneho ilay "fahasoavana lehibe tokoa" izay nomen'Andriamanitra ireo Korintiana izany fanomezana izany, izay nitondra azy ireo ho lasa malala-tanana na 2) izany fanomezana izany dia

maneho an'i Jesosy Kristy, izay  
nomen'Andriamanitra ho an'ny mpino rehetra.

---



## Chapter 10

<sup>1</sup> Izaho, Paoly, miangavy anareo ny tenako, amin'ny fanetren-tena sy hamoram-panahin'i Kristy. Malemy fanahy aho rehefa eo amin'ny fanatrehanareo, nefa sahy ny aminareo aho rehefa tsy eo. <sup>2</sup> Mangataka aminareo aho, rehefa miaraka aminareo aho, tsy mila sahy amin'ny fahatokisan-tena. Nefa aho mieritreritra fa mila sahy manohitra ireo izay mihevitra fa isika dia miaina araka ny nofo. <sup>3</sup> Fa na izany aza dia mandeha araka ny nofo izahay, tsy miady araka ny nofo. <sup>4</sup> Fa ny fiadiana izay iadianay dia tsy aranofo. Noho izany, manana hery avy any an-danitra ireo mba hamotehana ny fanahy ratsy. Fa tsy mitondra na inona na inona ny hevi-pitak'izy ireo. <sup>5</sup> Ho simbaintsika ihany koa ireo zavatra avo izay manangana fanoherana ny fahalalana an'Andriamanitra. Fa mihevitra ny hambabo ny tsirairay amin'ny fankatoavana an'i Kristy isika. <sup>6</sup> Ary miomana amin'ny famaizana ny fihetsika tsy fankatoavana rehetra isika, vantany vao tanteraka ny fankatoavanareo. <sup>7</sup> Jereo mazava izay eo anoloanareo. Fa na iza na iza no resy lahatra fa izy no Kristy, aoka hampatsiahy ny tenany izy fa izy tokoa dia Kristy, dia toy izany koa isika. <sup>8</sup> Eny fa na dia mirehareha kely aza aho momban'ny fahefantsika, izay nomen'ny Tompo antsika mba hananganana ary tsy hanimba anareo, tsy ho menatra aho. <sup>9</sup> Tsy tiako izany ny hampihorohoro anareo amin'ny alalan'ny taratasiko. <sup>10</sup> Fa ny olona sasany niteny hoe: "Matotra sy mahery ny taratasiny, nefa malemy ara-batana izy. Tsy mendrika hohenoina ny teniny." <sup>11</sup> Aoka ny olona tahaka ireny ahafantatra fa ireo teny ao amin'ny taratsinay tamin'ny fotoana tsy nahateo anay dia maneho ny asa tokony ho ataonay rehefa tonga any izahay. <sup>12</sup> Tsy mandeha lavitra izahay na mampitaha ny tenanay amin'ireo izay midoka-tena. Fa raha mandrefy ny tenany amin'ny hafa izy ireo ary mampitaha ny tenany amin'ny hafa, dia tsy ho malina. <sup>13</sup> Isika, na izany aza, tsy hirehareha mihoatra ny tokony ho izy. Fa kosa, ataonay ihany izany izay misy fetrany araka ny nanendren'Andriamanitra anay, fetra izay mahakasika anareo. <sup>14</sup> Fa tsy mitandrana ny tenanay izahay rehefa tonga teny aminareo. Izahay no tonga voalohany hatrany aminareo niaraka tamin'ny filazantsaran'i Kristy. <sup>15</sup> Tsy nirehareha mihoatra ny fetra isika ny momban'ny asan'ny sasany. Nefa kosa, antenainay fa hitombo ny finoanareo amin'ny asa lehibe miandry ny tsirairay, ary samy amin'ny fetrany avy. <sup>16</sup> Fa izao no antenainay, mba ahafahanay mitoro ny filazantsara na dia any amin'ny toerana lavitra anareo aza. Tsy hirehareha momban'ny asa efa vita tany amin'ny faritra hafa isika. <sup>17</sup> "Nefa aoka ny iray izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo." <sup>18</sup> Fa tsy ilay iray izay manolotra ny tenany no ankatoavina. Nefa kosa, aoka ilay iray izay natolotry ny Tompo.

### 2 Corinthians 10:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia mamadika ny lohahevitra momba ny fanomezana, ho amin'ny fanamafisana ny fahefany hampianatra araka izay ataony.

#### amin'ny fanetren-tena sy hamoram-panahin'i Kristy

Ny teny hoe "fanetre-tena" sy "hamoram-panahy" dia afaka lazaina amin'ny fomba hafa. DH: "Manetry tena sy malemy fanahy aho rehefa manao tahaka izany, satria i Kristy dia nanao ahy ho toy izany"

#### ireo izay mihevitra fa

"Izay mieritreritra fa"

#### isika dia miaina araka ny nofo

Ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ho an'ny toetra maha-mpanota ny olombelona. "manao zavatra araka ny tanjon'ny olombelona isika"

### 2 Corinthians 10:3

#### miady araka ny nofo

Ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ilazana ny fiainana ara-nofo. DH: "miaina ny fiainanay amin'ny vatan'olombelona isika"

#### tsy miady ...iadivantsika

I Paoly dia milaza ny amin'ny fiezahany handresy lahatra ireo Korintiana mba hino azy fa tsy ireo mpampianatra sandoka toy ny hoe miady amin'ny ady ara-nofo izy. Ireo teny ireo dia tokony hadika ara-bakiteny.

#### tsy miady araka ny nofo

Ireo mety ho dikany 1) ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ilazana ny fiainana ara-nofo. DH: "miady amin'ny fahavalonay amin'ny fampiasana fitaovam-piadiana" na 2) ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ho an'ny toetra maha-panota ny olombelona. DH: "miady amin'ny fomba feno fahotana"

#### Fa ny fiadiana izay iadianay .....tsy mitondra na inona na inona ny hevi-pitak'izy ireo

MIresaka ny amin'ny fahendren'Andriamanitra izay mampiseho ny fahendren'ny olona ho diso ho toy ny

hoe ny fitaovam-piadiana izay namotrehany ny rindrin'ny fahavalo. DH: "ireo fitaovana entinay miady... mampiseho ny olona fa izay lazain'ireo fahavalonay dia diso tanteraka."

#### **dia tsy ara-nofo**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ilazana izay ara-batana fotsiny ihany. DH: "tsy ara-batana" na 2) ny teny hoe "nofo" dia hevitra ambadika ilazana ny toetra maha-panota ny olombelona. DH: "tsy mpanota" na "tsy mamela antsika hanao ratsy"

## **2 Corinthians 10:5**

#### **ireo zavatra avo izay manangana**

I Paoly dia manohy miresaka amin'ny alalan'ny sarin-tenin'ny ady, toy ny hoe tafika ny "fahalalan'Andriamanitra" ary "ny zavatra avo rehetra" dia rindrina izay ataon'ny olona hanakanana ny tafika any ivelany. DH: "ny fanehoan-keitra diso izay heverin'ireo mpirehareha hiarovana ny tenan'izy ireo"

#### **ireo zavatra avo**

"Ireo zavatra izay ataon'ny olona mpirehareha"

**manangana fanoherana ny fahalalana an'Andriamanitra**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe misy rindrina mitsangana manohitra tafika ireo fanehoan-kevitra. Ny teny hoe: "manangana" dia midika hoe "mitsangana," fa tsy ny hoe "zavatra avo" izay mitsingevana eny amin'ny rivotra. DH: "Mampiasa izany ny olona mba tsy hahafantarana'izy ireo hoe iza Andriamanitra"

#### **Fa mihevitra ny hambabo ny tsirairay amin'ny fankatoavana an'i Kristy isika**

Resahin'i Paoly toy ny hoe miaramila fahavalo izay babony tamin'ny ady ny fihevitra ny olona. DH: "Mampiseho izahay fa diso avokoa ireo hevitra hanan'ny ireo olona ary mampianatra ireo olona hankatoa an'i Kirsty izahay"

#### **ny famaizana ny fihetsika tsy fankatoavana**

Ny teny hoe "fihetsika tsy fankatoavana" dia hevitra ambadika ilazana ireo olona izay manao izany. DH: "manasazy ny tsirairay aminareo izay tsy mankatoa anay"

## **2 Corinthians 10:7**

#### **Jereo mazava izay eo anoloanareo**

Ireo mety ho dikany dia 1) izany dia didy na 2) izany dia fanambarana, "Ianareo dia mijery fotsiny an'izay hitanareo amin'ny masonareo." Ny sasany dia mihevitra fa fanontaniana fampisainana ka afaka adika ho fanambarana tsotra. DH: "Mijery izay mazava eo anolonanareo ianareo" na "Toa tsy afaka mahita izay eo anoloanareo mazava tsara ianareo"

#### **aoka hampatsiahy ny tenany izy**

"mila mahatsiaro izy"

#### **fa izy tokoa dia Kristy, dia toy izany koa isika**

"fa an'i Kristy isika, ary izy koa dia toy izany ihany"

#### **mba hananganana ary tsy hanimba anareo**

resahin'i Paoly toy ny hoe fananganan-trano ny fanampiana ireo Korintianina mba hahafantatra tsara kokoa an'i Kristy. DH: "mba hanampy anareo ho tonga mpanaraka an'i Kristy tsaratsara kokoa ary tsy hahakivy anareo ka hitsahatra anaraka azy"

## **2 Corinthians 10:9**

#### **ny hampihorohoro anareo**

"miezaka ny mampatahotra anareo"

#### **Matotra sy mahery**

"mitaky sy mandresy"

## **2 Corinthians 10:11**

#### **Aoka ny olona tahaka ireny ahafantatra**

"tiako hahalala ny olona tahaka ireny"

**fa ireo teny ao amin'ny taratasinay tamin'ny fotoana tsy nahateo anay dia maneho ny asa tokony ho ataontsika rehefa tonga any izahay**

"hanao izany zavatra izany ihany koa izahay rehefa miaraka aminareo any fa nanoratra izany tao amin'ny taratasinay tamin'ny izahay lavitra anareo izahay."

#### **taratasinay ... anay**

Manondro an'i Paoly sy ireo miaraka aminy amin'ny asa fanompoany io, fa tsy ireo Korintiana.

#### **lavitra izahay na mampitaha**

"mba hilazana fa tsara toy ny"

#### **mandrefy ny tenany amin'ny hafa izy ireo ary mampitaha ny tenany amin'ny hafa**

Milaza zavatra mitoy indroa i Paoly.

#### **izy ireo ary mampitaha ny tenany amin'ny hafa**

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra afaka refesin'ny olona ny fahatsarana. DH: "mifampijery izy ireo ary miezaka ny hahita ny hoe iza no tsara kokoa"

#### **tsy ho malina**

"mampiseho ny olona rehetra fa tsy mahafantatra na inona na inona izy ireo"

## **2 Corinthians 10:13**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

I Paoly dia miresaka momba ny fahefana izay hananany toy ny hoe tany izay izy no manapaka amin'izany, ireo zavatra rehetra izay hananany fahefana dia toy ny ao anatin'ny sisintany na "fefy" ny taniny, ary ireo zavatra rehetra ambanin'ny fahefany toy ny any ivelan'ny "fefy."

**sy hirehareha mihoatra ny tokony ho izy**

Izany dia fomba fiteny. DH: "tsy hirehareha ny amin'ireo zavatra izay tsy hanananay fahefana" na "hirehareha ny amin'ireo zavatra izay hanananay fahefana ihany"

**izay misy fetrany araka ny nanendren'Andriamanitra**

"momba ireo zavatra ambanin'ny fahefan'Andriamanitra"

**fetra izay mahakasika anareo**

Resahin'i Paoly toy ny hoe tany izay izy no manapaka eo amin'izany ny fahefana. DH: "ary ianareo dia ao anatin'ny faritry ny fahefanay"

**tsy mitandrana ny tenanay izahay**

"tsy nandeha mihoatra ny fehinay"

## **2 Corinthians 10:15**

**tsy nirehareha mihaotra ny fetra isika**

Fomba fiteny. DH: "tsy nirehareha momba ireo zavatra izay tsy hanananay fahefana" na "tsy nirehareha fotsiny tamin'ireo zavatra izay hanananay fahefana."

**hitombo ny finoanareo amin'ny asa lehibe miandry ny tsirairay**

Azo adika hoe DH: "Andriamanitra dia hanitatra ny faritra iasanay tokoa"

**amin'ny faritra hafa**

"Faritra iray nomen'Andriamanitra olon-kafa"

## **2 Corinthians 10:17**

**hirehareha ao amin'ny Tompo**

"mirehareha ny amin'izay nataon'ny Tompo"

**manolotra ny tenany**

Izany dia midika fa mangataka ny olona tsirairay izay mandre azy hanapa-kevitra raha marina izy na diso.

**no ankatoavina**

Azo adika hoe DH: "izay ankatoavin'ny Tompo"

**ilay iray izay natolotry ny Tompo**

Afaka ataonao mazava kokoa ny fampahafantarana eto. DH: "ilay iray izay notendren'ny Tompo dia ilay iray izay eken'ny Tompo"

## Chapter 11

<sup>1</sup> Maniry aho mba ahafahanareo mamela ahy hanao fahadalana kely sasany. Fa tena mamela ahy tokoa ianareo! <sup>2</sup> Fa saro-piaro ny momba anareo aho. Manana fahasarotam-piaro araka an'Andriamanitra aminareo aho, hatramin'ny nanomezako toky anareo tao amin'ny fanambadiana ho an'ny vady iray ihany. Nanome toky aho ny hanolotra anareo tahaka ny virjiny madio ho an'i Kristy. <sup>3</sup> Fa matahotra aho fandrao, tahaka ny namitahan'ny menarana an'i Eva tamin'ny alalan'ny hafetseny, ny eritreritrareo dia mety hiala amin'ny fanoloran-tena amin-kitsim-po sy madio amin'i Kristy. <sup>4</sup> Fa eritrereto hoe misy olona iray tonga hitory Jesosy hafa noho ilay iray toriantsika. Na eritrereto hoe mandray Fanahy hafa noho izay raisinareo ianareo. Na eritrereto hoe mandray filazantsara hafa noho ilay iray izay noraisinareo ianareo. Mamela ireny zavatra ireny tsara ihany ianareo! <sup>5</sup> Satria mieritreritra aho fa tsy farany ambany noho ireo lazaina fa hoe apostoly ambony. <sup>6</sup> Fa na dia tsy nizarana nandaha-teny aza aho, dia nizarana tamin'ny fahalalana. Tamin'ny fomba rehetra sy tamin'ireo zavatra rehetra dia nataonay ho fantatrareo izany. <sup>7</sup> Moa nanota va aho tamin'ny fanetren-tenako mba hisandratanareo? Fa nitory ny filazantsaran' Andriamanitra maimaimpoana ho anareo aho. <sup>8</sup> Nandroba ireo fiangonana hafa aho tamin'ny alalan'ny fanekena fanohanana avy amin'izy ireo mba ahafahako manompo anareo. <sup>9</sup> Rehefa niaraka taminareo aho sy nila fanampiana, dia tsy nanavesatra na iza na iza. Fa ireo zavatra nilaiko dia nomen'ireo mpirahalany izay tonga avy any Makedonia. Tamin'ny zavatra rehetra dia nitandrina ny tenako tsy ho enta-mavesatra aminareo aho, ary hanohy hanao izany. <sup>10</sup> Raha ato amiko ny fahamarinan'i Kristy, dia tsy hangina izany fireharehako izany any amin'ny faritr'i Akaia. <sup>11</sup> Nahoana? Satria tsy tiako va ianareo? Andriamanitra mahalala. <sup>12</sup> Ary ny zavatra ataoko dia mbola ho ataoko foana, mba mety ahafahako manala ny fitarainana nohon'ny fanakianana ahy sy ny fitarainana noho ireo izay tian'izy ireo hireharehana—fa izy ireo dia hita manao asa mitovy amin'izay ataonay. <sup>13</sup> Fa ny olona tahaka izany dia apostoly sandoka sy mpiasa mamitaka. Izy ireo dia manao sarintsarin'ny tenany tahaka ny apostolin'i Kristy. <sup>14</sup> Ary izany dia tsy mahagaga, fa na ny satana aza maneho ny tenany tahaka ny anjelin'ny fahazavana. <sup>15</sup> Tsy mahagaga intsony raha maneho ny tenan'izy ireo tahaka ny mpanompon'ny fahamarinana ireo mpanompony. Ny anjaran'izy ireo dia izay mendrika ny asan'izy ireo. <sup>16</sup> Lazaiko indray hoe: "Aza avela hisy hieritreritra hoe adala aho. Fa raha manao izany ianareo, dia raiso tahaka ny adala aho ka mba hirehareha kely. <sup>17</sup> Izay lazaiko momba ity fahatokiana mirehareha ity dia tsy araka ny lazain'ny Tompo, fa miteny toy ny adala aho. <sup>18</sup> Fa efa maro ny olona no mirehareha araka ny nofo, dia hirehareha ihany koa aho. <sup>19</sup> Nanaiky am-pifaliana ireo adala ianareo. Dia hoe hendry ny tenanareo! <sup>20</sup> Fa mandefitra amin'ny olona ianareo raha manandevo anareo, mandany anareo, manararaotra anareo, mandray ny tenany ho ambony noho ianareo, na raha mamely tehamaina anareo izy. <sup>21</sup> Ho lazaiko amin'ny fahafaham-barakanay fa malemy loatra izahay tamin'ny fanaovana izany. Raha misy mirehareha— dia miresaka toy ny adala aho—Izaho ihany koa dia hirehareha. <sup>22</sup> Hebreo ve izy ireo? Izaho ihany koa. Isiraelita ve izy ireo? Izaho ihany koa. Taranak'i Abrahama ve izy ireo? Izaho ihany koa. <sup>23</sup> Mpanompon'i Kristy ve izy ireo? (Miresaka toy ny olona very saina aho.) Mihoatra noho izany aho. Mbola niasa mafy nihoatra noho izany aza aho, tany am-ponja matetika, tamin'ny kapoka mihoatra ny fepetra, tamin'ny fiatrehana loza maro mahafaty. <sup>24</sup> Avy amin'ny alalan'ireo Jiosy no nandraisako "kapoka efaolo latsaka iray" Indimy. <sup>25</sup> Intelo aho no nokapohina tamin'ny hazo. Indray aho no notoraham-bato. Intelo aho no vaky sambo. Nandany iray alina sy iray andro teny an-dranomasina aho. <sup>26</sup> Nandeha matetika aho, tamin'ny lozan'ny ony, tamin'ny lozan'ireo mpandroba, tamin'ny lozan'ny oloko manokana, tamin'ny lozan'ireo Jentilisa, tamin'ny loza tany amin'ny tanàna, tamin'ny loza tany an'efitra, tamin'ny loza tany an-dranomasina, tamin'ny loza avy amin'ireo rahalahy sandoka. <sup>27</sup> Efa tamin'ny asa mafy sy zava-tsarotra aho, tamin'ny alina tsy misy torimaso, tamin'ny hanoanana sy hetaheta, tamin'ny fifadin-kanina matetika, tamin'ny hatsiaka sy fitanjahana. <sup>28</sup> Ankoatry ny zavatra hafa, misy tsindry isan'andro amiko nohon'ny fanahiako amin'ny fiangonana rehetra. <sup>29</sup> Iza no malemy, ka tsy malemy aho? Iza no manafintohina, ka tsy mirehitra aho? <sup>30</sup> Raha tsy maintsy mirehareha aho, dia hirehareha momba izay maneho ireo fahalemeko. <sup>31</sup> Ilay Andriamanitra sy Rain'i Tompo Jesosy, ilay iray izay deraina mandrakizay, dia mahafantatra fa tsy mandainga aho! <sup>32</sup> Tany Damaskosy, ny governora ambanin'i Areta mpanjaka dia niambina ny tanànan'i Damaskosy mba hisambotra ahy. <sup>33</sup> Fa nampidinina tamin'ny sobika teo amin'ny varavaran-kely iray teo amin'ny manda aho, ka dia nandositra ny tanany.

## 2 Corinthians 11:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy manamafy ny amin'ny maha-apostoly azy i Paoly.

**mamela ahy hanao fahadalana kely sasany**  
"mamela ahy hiasa toy ny adala"

### saro-piara ...fahasarotam-piara

Ireo teny ireo dia miresaka momban'ny faniriana mafy sy tsara mba hahatokian'ireo Korintiana an'i Kristy, ary mba tsy hisian'ny olona handresy lahatra azy ireo hiala aminy.

**hatramin'ny nanomezako toky anareo tao amin'ny fanambadiana ho an'ny vady iray ihany. Nanome toky aho ny hanolotra anareo tahaka ny virjiny madio ho an'i Kristy**

Miresaka ny amin'ny fiahian'i Paoly an'i ireo Korintiana toy ny hoe nampanantena lehilahy hafa izy fa hanomana ny zanany vavy hanambady azy, ary ny tena zava-dehibe aminy dia ny fahafahany mitana ny fampanantenany amin'ny izany lehilahy izany. DH: "Toy ny ray izay nampanantena ny hanolotra ny zanany vavy ho ana lehilahy iray aho. Nampanantena ny hitazona anareo ho virjiny madio aho mba hahafahako manolotra anareo ho an'i Kristy.

## 2 Corinthians 11:3

**Fa matahotra aho fandrao...amin-kitsim-po sy madio amin'i Kristy**

"Fa matahotra aho fandrao ny fihevitrareo ho voavily hiala amin'ny fanoloran-tena marina sady madio ho an'i Kristy, tahaka ny namitahan'ny menarana an'i Eva tamin'ny hafetseny"

**ny eritreritrareo dia mety hiala amin'ny fanoloran-tena**  
Resahin'i Paoly toy ny hoe biby izay azon'ny olona havily any amin'ny lalan-diso ny fieritreretana. DH: "mety misy olona hahatonga anareo hino lainga"

**Fa eritrereto hoe misy olona iray tonga**  
"rehefa misy olona tonga ary"

**mandray Fanahy hafa noho izay raisinareo ianareo. Na eritrereto hoe mandray filazantsara hafa noho ilay iray izay noraisinareo ianareo**

"fanahy hafa noho ny Fanahy Masina, na filazantsara hafa noho izay efa noraisinareo taminay"

### Mamela ireny zavatra ireny tsara ihany

"mifanaraha amin'ireny zavatra ireny" Jereo ny fomba nandikana ireo teny ireo ao amin'ny 11:1.

## 2 Corinthians 11:5

### ireo lazaina fa hoe apostoly ambony

ireo mody antsoina hoe apostoly ambony-Mampiasa eso-teny i Paoly eto hampisehoany fa tsy manan-danja izy ireo noho izay nolazain'izy ireo.

DH: "ireo mpampianatra izay heverin'ny sasany ho mahay kokoa noho ny olona hafa"

## 2 Corinthians 11:7

**Moa nanota va aho tamin'ny fanetren-tenako mba hisandratanareo?**

Manohy ny milaza i Paoly fa nanaja ireo Korintiana tsara izy. Io dia fanontanina fampisainana izay afaka adika ho fanambarana tsotra, raha ilaina izany. DH: "Mihevitra aho fa manaiky isika fa tsy nanota tamin'ny fanetre-tena aho mba hisandratanareo"

### maimaimpoana

"tsy miandry na inona na inona ho setrin'izany"

### Nandroba ireo fiangonana hafa aho

izany dia fanitarana mba hanindriana fa i Paoly dia naka vola avy amin'ireo fiangonana. DH: Nandray ny vola avy tamin'ireo fiangonana hafa aho"

### mba ahafahako manompo anareo

Ny tena hevitra fenon'izany dia afaka atao mazava. DH: "Afaka nanompo anareo tsy misy tambiny aho"

**Tamin'ny zavatra rehetra dia nitandrana ny tenako tsy ho enta-mavesatra aminareo aho**

"Tsy mbola vesatra ara-bola ho anareo mihitsy aho." Resahin'i Paoly toy ny hoe enta-mavesatra izay tsy maintsy lanjain'ny olona ny olona iray izay tsy maintsy mandany vola. Ny tena dikan'izany feno dia afaka atao mazava. DH: "nanao izay azo natao aho mba hahazoako antoka fa tsy mila mandany vola ianareo ary mba hahafahako miaraka aminareo"

### I will continue to do that

"Tsy ho enta-mavesatra ho anareo mihitsy aho"

## 2 Corinthians 11:10

### Raha ato amiko ny fahamarinan'i Kristy... izany

I Paoly dia manamafy fa satria ireo mpamaky azy mahafantatra milaza fa ny marina momba an'i Kristy izy, dia afaka mahafantatra izy ireo fa milaza ny marina izy eto. "Satria ianareo dia mahafantatra tokoa fa mahalala marina ary mitory ny fahamarinana momba an'i Kristy aho, dia afaka mahafantatra ianareo fa izay holazaiko dia marina."

### tsy hangina izany fireharehako izany any

DH: "tsy misy olona afaka hampitsahatra ahy hirehareha sy hijanona hangina." I Paoly dia "mirehareha" fa "mitory ny filazantsara maimaim-poana" izy.

### Nahoana? Satria tsy tiako va ianareo?

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Paoly mba hanamafisana ny fitiavany an'ireo Korintiana. Ireo fanontaniana ireo dia afaka hatambatra na hatao ho fanambarana tsotra. DH: "satria tsy tiako ve ianareo ka tsy te ho enta-mavesatra ho anareo aho? na "Hanohy hanakana anareo tsy handoa vola

amin'izay zavatra ilaiko aho satria izany dia mampiseho ny hafa fa tiako ianareo"

#### **Andriamanitra mahalala**

Azonao atao mazava kokoa ny hevitra izay efa voaray eto. DH: "Andriamanitra mahalala fa tiako ianareo"

### **2 Corinthians 11:12**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eo am-panohizana ny fanamafisana ny maha-apostoly azy, dia milaza ny momban'ireo apostoly sandoka izy.

#### **mba mety ahafahako manala ny fitarainana**

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra azony esorina ny filazan-diso izay ambaran'ireo fahaalony. DH: "mba hahafahako manao izany ho tsy azo atao"

#### **izay tian'izy ireo hireharehana**

Raha mirehareha i Paoly fa "mitovy ny filazantsara maimaim-poana" (11:7), ireo fahavalony kosa dia mirehareha fa afaka niresaka tsara izy ireo (11:5).

**fa izy ireo dia hita manao asa mitovy amin'izay ataonay**  
Azo adika hoe DH: "hihevitra ny olona fa mitovy amintsika izy ireo"

#### **Fa ny olona tahaka izany**

"manao izany aho satria ny olona tahaka azy ireo"

#### **mpiasa mamitaka**

"Mpiasa tsy marina"

#### **Izy ireo dia manao sarintsarin'ny tenany tahaka ny apostoly**

"tsy apostoly, fa izy ireo dia miezaka manao ny tenan'izy ireo ho toy ny apostoly"

### **2 Corinthians 11:14**

**Ary izany dia tsy mahagaga...Tsy mahagaga intsony raha**  
Manamafy i Paoly fa ireo Korintiana dia tokony hanampo ny hahita "apostoly sandoka" maro. DH: "ary isika dia tokony hanampo izany... dia tokony hanampo izany tokoa isika"

#### **ny satana aza maneho ny tenany tahaka ny anjelin'ny fahazavana**

"Satana dia tsy anjelin'ny fahazavana, kanefa miezaka ny hanao ny tenany ho toy ny anjelin'ny fahazavana izy"

#### **ny tenan'izy ireo tahaka ny mpanompon'ny fahamarinana**

"ireo mpanompony dia tsy mpanompon'ny fahamarinana, nefa niezaka nanao ny tenan'izy ireo ho toy ny mpanompon'ny fahamarinana izy ireo"

### **2 Corinthians 11:16**

#### **raiso tahaka ny adala aho ka mba hirehareha kely**

"raiso tahaka ny fandraisanareo adala aho: aoka aho hiresaka, ary raiso ho toy ny tenin'ny adala ny fireharehako"

#### **Izay lazaiko momba ity fahatokiana mirehareha ity dia tsy araka ny lazain'ny Tompo**

DH: "Ny tompo dia tsy nieritreritra izay nolazaiko momban'ity fahatokiana mirehareha ity" na "Ny Tompo dia ty niteny tamiko fa manaiiky izay lazaiko momba ity fahatokiana mirehareha ity"

#### **araka ny nofo**

Eto ny hevitra ambadiky ny "nofo" dia ilazana lehilahy ao amin'ny toetra maha-mpanota azy sy ireo zava-bitany. DH: "momba ireo zava-bitan'ny olona"

### **2 Corinthians 11:19**

#### **ireo adala ianareo**

"maneke ahy rehefa manao toy ny adala aho." Jereo ny fomba nandikana ny fehezanteny mitovy amin'izany ao amin'ny 11:1.

#### **Dia hoe hendry ny tenanareo!**

I Paoly dia manao izay hahamenatra ireo Korintiana amin'ny fampiasana eson-teny. DH: "Mihevitra ianareo fa hendry, kanefa tsia izany!"

#### **manandevo anareo**

Ataon'i Paoly toy ny hoe fanandevozana ireo lalàna izay tsy nataon'Andriamanitra kanefa teren'ny hafa ho ankatoavina. DH: "manery anareo hanaraka fitsipika izay noeritritretin'izy ireo"

#### **mandany anareo**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mihinana olona ireo apostoly ambony maka ny loharanon-karenan'ny olona. DH: "maka ny fananareo rehetra izy"

#### **manararaotra anareo**

Ny olona dia manararaotra olona hafa amin'ny fahafantarana ireo zavatra izay tsy hain'ny hafa ary fampiasana izany fahalalana izany hanampiana ny tenany sy hamelezana ny olon-kafa.

#### **Ho lazaiko amin'ny fahafaham-barakanay fa malemy loatra izahay tamin'ny fanaovana izany**

"Miaiky am-pahamenarana aho fa tsy dia sahy nitondra anareo toy izany izahay." I Paoly dia mampiasa eso-teny mba hilazana amin'ireo Korintiana fa tsy noho ny fahalemeny no antony nitondrany azy ireo tsara. DH: "Tsy menatra aho ny hilaza fa nanana fahefana ny hamely anareo izahay, kanefa noentinay tsara ianareo"

#### **Raha misy mirehareha...Izaho ihany koa dia hirehareha**

"Na inona na inona hireharehan'ny olona momba ny...dia sahy hirehareha ny amin'izany ihany koa aho"

## 2 Corinthians 11:22

### Fampifandrasaina ny foto-kevitra

Manambara zavatra manoka izy izay nitranga taminy tamin'ny izy tonga ho mpino i Paoly eo ampanamafisana ny amin'ny maha-apostoly azy.

**Hebreo ve izy ireo? Izaho ihany koa. Isiraelita ve izy ireo? Izaho ihany koa. Taranak'i Abrahama ve izy ireo? Izaho ihany koa. Mpanompon'i Kristy ve izy ireo? (Miresaka toy ny olona very saina aho.) Mihoatra noho izany aho**

I Paoly dia milaza ny fanontaniana izay mety ho anontaniana'ireo Korintianina ary avy eo mamaly azy ireo i mba hanamafisana fa izy dia tahaka ny Jiosy izay apostoly ambony. DH: "izy ireo dia haniry anareo hihevitra fa manan-danja izy ireo ary hino izay lazain'izy ireo satria Hebreo sy Isiraelita ary taranak'i Abrahama izy ireo. Eny, izaho ihany koa. Milaza izy ireo fa mpanompon'i Kristy- miteny toy ny hoe tsy misy saina aho-kanefa izaho dia mihoatra an'izany.

### toy ny olona very saina aho

"Toy hoe tsy afaka mihevitra tsara"

### Mihoatra noho izany aho

DH: "Izaho dia mpanompon'i Krsity kokoa noho izy ireo"

### niasa mafy nihoatra noho izany

"Niasa mafy koka aho"

### tamin'ny kapoka mihoatra ny fepetra

Izany dia fomba fiteny, sy fanitarana mba hanamafisana ny nikapohana azy matetika. DH: "novonoina imbetsaka aho"

### tamin'ny fiatrehana loza maro mahafaty

"ary saika maty imbetsaka aho"

## 2 Corinthians 11:24

### kapoka efaolo latsaka iray

izany dia fomba fiteny mahazatra ilazana fa voakapoka in-39. Kapoka efaolo noheverina hamono olona iray.

### nokapohina tamin'ny hazo

Azo atao hoe DH: "Novonoin'ny olona tamin'ny hazo aho"

### Indray aho no notoraham-bato

Azo atao hoe DH: "mitora-bato ahy ny olona mandra-piheveran'izy ireo fa maty aho"

### Nandany iray alina sy iray andro teny an-dranomasina aho

I Paoly dia miresaka momban'ny fitsingevany teo ambonin'ny rano taorian'ny niletehan'ny sambo nisy azy.

### tamin'ny loza avy amin'ireo rahalahy sandoka

Ny dikan-teny fenon'izany fanambarana izany dia afaka hatao mazava. DH: "ary notandidonin-doza tamin'ny olona izay nilaza ho rahalahy tao amin'ny Kristy, kanefa namadika anany"

## 2 Corinthians 11:27

### sy fitanjahana

Eto i Paoly dia manitatra mba hampisehoana ny filany ankajo. DH: "ary tsy misy fitafina ampy hampafana ahy"

### Iza no malemy, ka tsy malemy aho?

Izany dia fanontaniana fampisainana izay afaka adika ho fanambarana tsotra. DH: "Na aiza na aiza misy olona malemy, dia mahatsiaro fahalemena ihany koa aho."

### misy tsindry isan'andro amiko nohon'ny fanahiako

I Paoly dia mahafantatra fa Andriamanitra dia hitazona azy ho tompon'andraikitra ny amin'ny fomba hankatoavan'ireo fiangonana an'Andriamanitra, ary miresaka ny amin'izany fahalalana izany tahaka ny hoe zavatra mavesatra izay manosika azy midina. DH: "Fantatro fa ho ataon'Andriamanitra ho tompon'andraikitra aho ny amin'ny fitomboana ara-panahin'ireo fiangonana rehetra, ary noho izany dia mahatsapa zavatra mavesatra mandrakariva aho izay manosika ahy midina."

### Iza no malemy, ka tsy malemy aho?

Ny teny hoe "malemy" dia mety ho sarinteny ho an'ny lalàna ara-panahy, fa tsy misy olona mahalala izay lazain'ny Paoly, ka ny tsara indrindra dia ny fampiasana teny mitovy eto. DH: "Malemy aho rehefa misy olona hafa malemy"

### Iza no manafintohina, ka tsy mirehitra aho?

I Paoly dia mampiasa izany fanontaniana izany mba hilazany ny fahatezerany rehefa ny namana mpino iray no nahatonga ny fahotana. Eto ny fahatezerany dia resahina toy ny hoe mandoro ao anatiny. Izany fanontaniana fampisainana izany dia afaka adika amin'ny endrika fanambarana tsotra. DH: "Na aiza na aiza misy olona mahatonga ny rahalahy hanota, dia tezitra aho."

### no manafintohina

I Paoly dia miresaka ny amin'ny fahotana tahaka ny hoe miala amin'ny zavatra iray ary avy eo dia mianjera. DH: "dia nentina hanota" na "Nampianarina fa Andriamanitra dia hamela azy ireo hanota noho ny zavatra ataon'ny olona hafa"

### tsy mirehitra aho

I Paoly dia miresaka ny amin'ny fahatezerany momban'ny fahotana tahaka ny hoe nisy afo taoa antin'ny vatany. DH: "Tsy tezitra ny amin'ny zava-miseho aho."

## 2 Corinthians 11:30

### **maneho ireo fahalemeko**

"izay mampiseho ny fahalemeko"

### **tsy mandainga aho**

i Paoly dia mampiasa fanalefaha-teny mba hanamafisana fa miteny ny marina izy. DH: "Milaza ny tena fahamarinana tokoa aho"

## 2 Corinthians 11:32

### **ny governora ambanin'i Areta mpanjaka dia niambina ny tanàna**

"ilay governora izay nofidian'i Areta mpanjaka niteny tamin'ireo lehilahy mba hiambina ny tanàna"

---

### **mba hisambotra ahy**

"mba hahazoan'izy ireo misambotra sy mitazona ahy"

### **nampidinina tamin'ny sobika**

Azo atao hoe DH: "nampidina tamin'ny sobika ny olona ary nametraka ahy tamin'ny tany"

### **ny tanany**

I Paoly dia mampiasa ny tanan'ny governora ho toy ny hevitra ambadika ilzana ny governora . DH: "tamin'ilay governora"



## Chapter 12

<sup>1</sup> Izaho dia tsy maintsy mirehareha, fa tsy misy na inona na inona azo avy amin'izany. Fa izaho dia hanohy ny amin'ireo fahitana sy ireo fanambarana avy amin'ny Tompo. <sup>2</sup> Mahafantatra lehilahy ao amin'i Kristy aho izay efatra ambin'ny folo taona lasa izay—na ao amin'ny tena na ivelan'ny tena, izaho tsy mahafantatra, Andriamanitra mahafantatra—nalaina niakatra tany amin'ny lanitra faha telo. <sup>3</sup> Ary fantatro fa io lehilahy io—na ao amin'ny tena, na ivelan'ny tena, izaho tsy mahafantatra, Andriamanitra mahafantatra—<sup>4</sup> dia nalaina niakatra tao amin'ny paradisa ary nandre zavatra izay tena masina loatra amin'ny olona ny hilaza azy. <sup>5</sup> Amin'ny anaran'ny olona tahaka izany dia hirehareha aho. Fa amin'ny anaran'ny tenako dia tsy hirehareha aho, afa-tsy ny momba ireo fahalemeko. <sup>6</sup> Raha te hirehareha aho, dia tsy ho adala aho, fa te hilaza ny marina. Fa hifehy tena amin'ny fireharehana aho, mba tsy hisy na iza na iza hihevitra ahy ho ambony noho izay hita amiko na re avy amiko. <sup>7</sup> Hifehy tena amin'ny fireharehana ihany koa aho noho ireo karazana fanambarana miavaka ireo. Noho izany, mba tsy ho feno fireharehana aho, dia nasiana tsilo ny nofoko, ny mpitondra hafatr'i Satana hanakorontana ahy, mba tsy hirehareha loatra aho. <sup>8</sup> Intelo aho no nitalaho tamin'ny Tompo ny momba izany, mba hanaisorany izany amiko. <sup>9</sup> Fa hoy izy tamiko hoe: "Ampy ho anao ny fahasoaavako, fa ny hery dia natao ho lafatra ao amin'ny fahalemena." aleoko mirehareha bebe kokoa ny amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy ato amiko. <sup>10</sup> Noho izany finaritra noho i Kristy ao amin'ny fahalemena, amin'ny fanevatevana, amin'ny korontana, amin'ny fanenjehana ary ao amin'ny fotoan-tsarotra aho. Fa na oviana na oviana malemy aho, dia matanjaka. <sup>11</sup> Izaho dia lasa adala! Ianareo no nanery ahy amin'izany, fa izaho dia tokony noderainareo. Fa izaho dia tsy ambany noho ireo izay antsoina hoe apostoly ambony ireo mihintsy, na dia tsinontsinona aza aho. <sup>12</sup> Ireo famantarana marina ny maha Apostoly dia notanterahina teo aminareo tamin'ny faharetana tanteraka, famantarana sy fahagagana ary asa mahery. <sup>13</sup> Fa ahoana ianareo no tsy dia manan-danja noho ireo fiangonana sasany, ankoatry ny tsy maha vesatra ahy ho anareo? Mamelà ahy noho izany fahadisoana izany! <sup>14</sup> Indro! Vonona ho tonga fanintelony any aminareo aho. Tsy ho vesatra ho anareo aho, fa izaho dia tsy mila izay anareo. Ianareo no ilaiko. Fa tsy ny zanaka no tokony hihary ho an'ireo ray aman-dreny. Fa kosa, ireo ray aman-dreny no tokony hihary ho an'ireo zanaka. <sup>15</sup> Izaho dia ho faly tanteraka handany sy ho laniana ho an'ny fanahinareo. Raha mitia be anareo aho, dia hotiavina kely ve izaho? <sup>16</sup> Fa na dia toy izany aza, tsy nanavesatra anareo aho. Fa, satria aho fetsisetsy be, dia izaho ilay iray izay nahazo anareo tamin'ny fitaka. <sup>17</sup> Moa ve nanararaotra anareo tamin'ny alalan'ny olona izay nalefako taminareo aho? <sup>18</sup> Naniraka faingana an'i Titosy ho any aminareo aho, ary nalefako niaraka taminy ireo rahalahy sasany. Moa ve nanararaotra anareo i Titosy? Moa ve tsy miray lalana isika? Moa ve tsy niray dia isika? <sup>19</sup> Moa ve mieritreritra ianareo fa nandritra izany fotoana rehetra izany dia niaro ny tenanay taminareo izahay? Eo anatrehan'Andriamanitra, no itenenanay tao amin'i Kristy ny zavatra rehetra mba ho fampaherezana anareo. <sup>20</sup> Fa matahotra aho fandrao rehefa tonga aho dia mety tsy hahita anareo araky ny fanantenako. Matahotra aho fandrao tsy ho hitanareo araky ny fanantenanareo. Matahotra aho fa sao dia mety hisy fifandirana, fialonana, firehetan'ny hatezerana, fikasana amin'ny fitiavan-tena, fifosana, fieboeboana, ary fikorontanana. <sup>21</sup> Matahotra aho fandrao rehefa miverina, dia hanetry ahy eo anatrehanareo ny Andriamanitra. Matahotra aho fandrao mety halahelo ny amin'ireo maro izay nanota teo aloha, ka mbola tsy nibebaka tamin'ny fahalotoana sy ny fijangajangana ary ny fijejojejoana feno fanirian-dratsy izay nataon'izy ireo.

### 2 Corinthians 12:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Amin'ny fiarovana ny maha-apostoly azy avy amin'Andriamanitra, i Paoly dia manohy ny filazany zavatra voafaritry izay niseho taminy hatramin'ny naha mpino azy izy.

#### izaho dia hanohy

"hiteny hatrany aho, fa ankehitriny"

#### fahitana sy ireo fanambarana avy amin'ny Tompo

Ireo mety ho dikany 1) I Paoly dia mampiasa ny teny hoe "fahitana" sy "fanambarana" mba hilazana

teny amin'ny zavatra mitovy. DH: "Ireo zavatra izay navelan'Andriamanitra ho hitako irery ihany" na 2) i Paoly dia miresaka zavatra roa samihafa. DH: "ireo zava-miafina izay navelan'Andriamanitra ho hitako amin'ny masoko sy ireo zava-miafina izay nolazainy tamiko"

#### Mahafantatra lehilahy ao amin'i Kristy aho

I Paoly dia miresaka ny amin'ny tenany toy ny hoe miresaka olon-kafa, kanefa izany dia afaka adika ara-bakiteny raha azo atao.

#### na ao amin'ny tena na ivelan'ny tena, izaho tsy mahafantatra

I Paoly manamaritra ny tenany hoe niseho tamin'ny olona hafa izay niseho taminy. "Tsy mahafantatra

aho raha izany lehilahy izany dia tamin'ny vatan'olombelona na tamin'ny ara-panahiny"

#### **ny lanitra faha telo.**

Izany dia maneho ny fonenan'Andriamanitra fa tsy ny lanitra na toerana hafa.(ny tany, kintana, na izao tontolo izao).

## **2 Corinthians 12:3**

#### **Fampifandraisa ny foto-kevitra**

Manohy ny firesahana ny amin'ny tenany toy ny miresaka olona hafa i Paoly.

**io lehilahy io...dia nalaina niakatra tao amin'ny paradisa**  
Azo adika hoe DH: Ireo mety ho dikany dia 1)" Andriamanitra naka izany anarana izany ... tao amin'ny paradisa" na 2) Anjely naka izany lehilahy izany... tao amin'ny paradisa." raha azo atao, dia ny mety indrindra dia ny tsy manonona ilay iray izay naka izany anarana izany: "nisy olona naka ... paradisa" na "izy ireo dia naka ... paradisa."

#### **nalaina niakatra**

Tampoka sy voatazona mafy ary nalaina

#### **paradisa**

Ireo ety ho dikany dia 1) lanitra na 2) lanitra fahatelo na 3) toerana manokana any an-danitra.

#### **ny olona tahaka izany**

"izany olona izany"

**tsy hirehareha aho, afa-tsy ny momba ireo fahalemeko**  
Azo adika hoe DH: "hirehareha amin'ny fahalemeny ihany"

## **2 Corinthians 12:6**

#### **Fampifandrasaina ny foto-kevitra**

Milaza ny fahalemena izay nomen'Andriamanitra azy mba hiarovana azy hanetri-tena i Paoly.

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Rehefa miresaka momban'ny "tsilo amin'ny nofo," izy dia manambara fa izy ilay "lehilahy" izay resahiny.

**re avy amiko. Hifehy tena amin'ny fireharehana ihany koa aho noho ireo karazana fanambarana miavaka ireo. Noho izany, mba tsy ho feno fireharehana aho, dia nasiana tsilo**

Ireo mety ho dikany hfa dia hoe "re tamiko. Noho izany, dia tsy ho tezitra aho amin'ny avonavona noho ny karazana fanambarana mahagaga, misy tsilo."

#### **hihevitra ahy ho ambony noho izay hita**

"manome tombony ho ahy kokoa noho izay"

#### **noho ireo karazana fanambarana miavaka ireo**

"satria ireo fanambarana ireo dia samihafa amin'ny zavatra rehetra izay efa nahita"

**Noho izany, mba tsy ho feno fireharehana aho**  
"mba hiaro ahy tsy hirehareha tanteraka"

#### **tsilo ny nofoko**

Eto dia ny olana ara-nofon'i Paoly dia ampitahana amin'ny "tsilo" izay manindrana ny "nofony". DH "fahoriana" na "olana ara-nofo"

#### **mpitondra hafatr'i Satana**

"mpanompon'i satana"

#### **hanakorontana ahy**

"mba hampijaly ahy"

## **2 Corinthians 12:8**

#### **Intelo**

I Paoly dia mametraka ireo teny ireo amin'ny fanombohan'ny fahezanteny mba hanamafisana fa nivavaka imbetsaka mahakasika ilay "tsilo."

#### **Tompo ny momba izany**

"tamin'ny Tompo mahakasika ilay tsilo teo amin'ny nofoko", na "Tompo momba izany fahoriana izany"

#### **Ampy ho anao ny fahasoaavako**

"ho tsara fanahy aminao aho, izany no hany ilainao"

#### **fa ny hery dia natao ho lafatra ao amin'ny fahalemena**

"fa ny heriko no miasa tsara kokoa rehefa malemy ianareo"

#### **mba hitoeran'ny herin'i Kristy ato amiko**

I Paoly dia miresaka ny amin'ny herin'i Kristy tahaka ny hoe trano lay nahorina teo aminy. ireo mety ho dikany dia 1) "mba hahitan'ny olona fa manana herin'i Kristy aho" na 2)"mba hanana herin'i Kirsty marina tokoa."

**finaritra noho i Kristy ao amin'ny fahalemena, amin'ny fanevatevana, amin'ny korontana, amin'ny fanenjarahana ary ao amin'ny fotoan-tsarotra aho**

Ireo mety ho dikany dia 1) "finaritra amin'ny fahalemena, ireo faniratsirana, ireo fanejarahana, ary ireo fotoan-tsarotra raha tonga ireo zavatra ireo satria ho an'i Kristy izany" na 2) "Finaritra amin'ny fahalemena aho ... raha ireo zavatra ireo no mahatonga ny olona hahafantatra an'i Kristy."

#### **amin'ny fahalemena**

"rehefa malemy aho"

#### **amin'ny fanevatevana**

"rehefa miezaka ny manao izay mampatezitra ahy ny olona amin'ny filzana fa olon-dratsy aho"

#### **amin'ny korontana**

"rehefa mijaly aho"

#### **amin'ny fotoan-tsarotra aho**

"rehefa misy ny olana"

**Fa na oviana na oviana malemy aho, dia matanjaka**  
I Paoly dia milaza fa rehefa tsy matanjaka intsony izy hanaoana izay tokony hatao, i Kristy, izy mafy mihoatra izay mety ho tanjak'i Paoly, dia hiasa ao aminy mba hanaovany izay mila vitaina. Na izany aza, mety ho tsara kokoa ny madika ireo teny ireo ara-bakiteny.

## 2 Corinthians 12:11

### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Mampatsiahy ireo mpino Korintiana ny amin'ny famantarana marina ny apostoly iray i Paoly, ary amin'ny fanetren-tena anoloan'izy ireo mba hanamafy orina azy ireo.

### **Izaho dia lasa adala**

"manao ho toy ny adala aho"

### **anareo no nanery ahy amin'izany**

"Ianareo no nanery ahy hiteny toy izany"

### **fa izaho dia tokony noderainareo**

Azo adika hoe DH: "fiderana no tokony hatolotrareo ahy"

### **Fa izaho dia tsy ambany noho ireo**

Amin'ny fampiasana endrika tsy manaiky, i Paoly dia milaza mafy fa ireo Korintiana izay mihevitra fa ambany izy dia diso. DH: "fa izaho dia tsara"

### **Aposotoly ambony**

Apostoly ambony- Mampiasa eso-teny i Paoly eto ampisehoany fa tsy manan-danja noho izay efa nolazain'izy ireo izy ireo. DH: "ireo mpampianatra izay heverin'ny sasany ho mahay kokoa noho ny olona hafa"

### **Ireo famantarana marina ny maha Apostoly dia notanterahina**

Azo atao hoe DH: "Izany dia fambaran'ireo apostoly izay notanterahiko"

### **famantarana...famantarana**

Mampisa izany fiteny izany indroa i Paoly.

### **famantarana sy fahagagana ary asa mahery**

Ireo no "famantarana marina an'ireo apostoly" izay ataon'i Paoly "amin'ny fiaretana tanteraka."

### **Fa ahoana ianareo no tsy dia manan-danja noho ireo fiangonana sasany, ankoatry ny tsy maha vesatra ahy ho anareo?**

I Paoly dia manamafy fa diso ireo Korintiana manendrikendrika azy ny ho maniry ny hanao ratsy amin'zy ireo. Izany dia fanontanina tsy mila valiny izay afaka hadika ho fanambaranana. DH: "Nataoko toy izany koa ny fomba nitondrako ireo fiangonana, .... afa-tsy ianareo"

### **tsy maha vesatra ahy ho anareo?**

"tsy nangata-bola na zavatra hafa izay ilaiko taminareo aho"

### **Mamelà ahy noho izany fahadisoana izany!**

Maneso mba hahamenatra ireo Korintiana i Paoly.

### **izany fahadisoana izany!**

Tsy mangata-bola amin'izy ireo na zavatra hafa izay ilainy.

## 2 Corinthians 12:14

### **Ianareo no ilaiko**

Ny dikan-teny fenon'izany fanambarana izany dia afaka atao mazava. DH: "Ny ilaiko dia ny hitiavanareo sy hanekenareo ahy"

### **ny zanaka no tokony hihary ho an'ireo ray aman-dreny**

Ny ankizy kely dia tsy tokony ho tompon'andraikitra amin'ny famatsiam-bola na ireo zava-tsoa hafa omena ireo ray aman-dreny izay salama.

### **Izaho dia ho faly tanteraka handany sy ho laniana**

Resahin'i Paoly toy ny hoe vola izay afaka lanian'Andriamanitra ny asany sy ny fiainany aranofo. DH: "faly hanao ny asa rehetra sy faly hamela an'Andriamanitra hanome alalana ho an'ireo olona mba hamono ahy."

### **ho an'ny fanahinareo**

Ny teny hoe "fanahy" dia hevitra ambadika ilazana ny olona ihany. DH: "ho anareo" na "ka hiaina tsara ianareo"

### **Raha mitia be anareo aho, dia hotiavina kely ve izaho?**

Afaka adika ho fanambarana tsotra io fanontaniana fampisainana io. DH: "Raha tena tia anareo aho, tsy tokony hitia ahy kely fotsiny ianareo." na "raha ... tokoa, dia tokony hitia ahy bebe kokoa noho izao ianareo."

## 2 Corinthians 12:16

### **Fa, satria aho fetsisetsy be, dia izaho ilay iray izay nahazo anareo tamin'ny fitaka.**

Mampiasa eso-teny i Paoly mba hahamenatra ireo Korintiana izay mihevitra fa milaza lainga amin'izy ireo izy na dia tsy mangataka vola amin'izy ireo aza izy. DH: "Fa ny hafa mihevitra fa mpamitaka aho ary mampiasa hafetsena"

### **Moa ve nanararoatra anareo tamin'ny alalan'ny olona izay nalefako taminareo aho?**

I Paoly sy ireo Korintiana dia mahalala ny fa valin'izany dia tsia. Afaka adika ho fanambarana tsotra io fanontaniana fampisainana io. DH: "tsy nisy olona nalefako tany aminareo ka nanararoatra anareo"

### **Moa ve nanararoatra anareo i Titosy?**

I Paoly sy ireo Korintiana dia mahalala ny fa valin'izany dia tsia. Afaka adika ho fanambarana tsotra io fanontaniana fampisainana io. DH: "Tsy nanararoatra azy ireo i Titosy."

**Moa ve tsy miray lalana isika?**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mandeha amin'ny lalana ny fiainana. I Paoly sy ireo Korintianina mahafantatra fa ny valin'ny fanontaniana dia eny. Afaka adika ho fanambarana tsotra io fanontaniana fampisainana io. DH: "manana fitondran-tena mitovy isika ary miaina toy izany koa"

**Moa ve tsy niray dia isika?**

Resahin'i Paoly toy ny hoe mandeha amin'ny lalana ny fiainana. I Paoly sy ireo Korintianina mahafantatra fa ny valin'ny fanontaniana dia eny. Afaka adika ho fanambarana tsotra io fanontaniana fampisainana io. DH: "Manao ny zavatra rehetra amin'ny fomba mitovy isika"

**2 Corinthians 12:19**

**Moa ve mieritreritra ianareo fa nandritra izany fotoana rehetra izany dia niaro ny tenanay taminareo izahay?**  
Mametraka fanontaniana fampisainana i Paoly. DH: "Diso ianareo raha mihevitra fa nandritra izany fotoana rehetra izany dia niaro ny tenanay taminareo izahay. DH: "Nieritreritra foana ianareo tamin'izany fotoana izany fa niaro ny tenanay taminareo izahay."

**Eo anatrehan'Andriamanitra**

I Paoly dia miresaka ny momban'ny fahalalan'Andriamanitra ny zavatra rehetra izay nataon'i Paoly ho toy ny hoe nanatrika mivantana Andriamanitra ary nanara maso ny zavatra rehetra nolazainy sy nataon'i Paoly. DH: "Eo anoloan'Andriamanitra" na "miaraka amin'Andriamnitra ho vavolombelona" na "eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra"

**ho fampaherezana anareo**

"hampaherezana anareo." Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra mety mitombony ny fahafantarana ny fomba hankatoavana an'Andriamanitra sy ny faniriany hankatoa azy. DH: "mba hahafantarana an'Andriamanitra sy hankatoavanareo azy bebe kokoa"

**2 Corinthians 12:20****mety tsy hahita anareo araky ny fanantenako**

"mety tsy ho tiako izay hitako" na "mety tsy ho tiako izay hitako ataonareo"

**aho fandrao tsy ho hitanareo araky ny fanantenanareo**  
"mety tsy ho tianareo izay hitanareo eo amiko"

**dia mety hisy fifandirana, fialonana, firehetan'ny hatezerana, fikasana amin'ny fitiavan-tena, fifosana, fieboeboana, ary fikorontanana**

Ny teny hoe "fifandirana, fialonana, firehetan'ny hatezerana, fikasana amin'ny fitiavan-tena, fifosana, fieboeboana, ary fikorontanana" dia afaka adika amin'ny fampiasana ny matoanteny. Ireo mety ho dikany 1) "ny sasany aminareo dia mety hifamaly aminay, hialona anay, hanjary ho tezitra mafy tampoka aminay, hiresaka momba ny fiainanay manokana, hanjary hirehareha, ary hanohitra anay raha miezaka mitaona anareo izahay" 2) "ny sasany aminareo dia mety hifanditra amin'ny tsirairay, hifampialona, hanjary ho tezitra mafy tampoka amin'ny tsirairay, hifampiresaka momba ny fiainana manokan'ny tsirairay, hanjary hirehareha, ary hanohitra an'ireo izay nofidian'Andriamanitra hitarika"

**andrao mety halahelo ny amin'ireo maro izay nanota teo aloha**

"halahelo aho satria betsaka tamin'izy ireo no tsy nanary ny fahotan'izy ireo taloha.

**tsy nibe-baka tamin'ny fahalotoana sy ny fijangajangana ary ny fijejojejoana feno fanirian-dratsy**

Ireo mety ho dikany dia 1) I Paoly dia milaza zavatra mitovitovy intelo mba hanamafisana. DH: "tsy nitsahatra ny nanao fahotana vetaveta izay efa nataon'izy ireo" na 2) i Paoly dia milaza karazam-pahotana telo.

**tamin'ny fahalotoana**

DH: "mihevitra mangingina momba izany ary maniry ireo zavatra izay tsy mahafaly an'Andriamanitra"

**tamin'ny...fijangajangana**

Ny teny hoe "mijangajanga" dia afaka adika amin'ny fampiasana anarana. DH: "amin'ny fanaovana ny asa fijangajangana"

**ary ny... feno fanirian-dratsy**

Ny teny hoe "feno fanirian-dratsy" dia afaka adika amin'ny fampiasana matoanteny. DH: "ary ny... fanaovana ireo zavatra izay mahafa-po ny filan'ny fijangajangana"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Fanintelony izao no nandalovako aty aminareo. "Ny fiampangana rehetra dia tsy maintsy miorina amin'ny porofo amin'ny vavolombelona roa na telo." <sup>2</sup> Efa niteny tamin'ireo izay nanota ao taloha sy tamin'ireo ambiny rehetra rehefa teo fanindroany, ary lazaiko indray izany: "Rehefa tonga indray aho, dia tsy hiantra azy ireo aho." <sup>3</sup> Miteny anareo izany aho satria ianareo dia mitady porofo fa i Kristy dia miteny amin'ny alalako. Tsy marefo aminareo Izy. Fa kosa, mahery ao aminareo Izy. <sup>4</sup> Fa Izy nohombohana amin'ny fahalemena, nefa velona tamin'ny herin'Andriamanitra. Fa isika kosa dia marefo ao aminy, kanefa isika dia miara-miaina amin'ny herin'Andriamanitra eo anivonareo. <sup>5</sup> Diniho ny tenanareo raha tianareo ho hita fa ao amin'ny finoana ianareo. Tsapao ny tenanareo. tsy mbola azonareo an-tsaina ve izany momba ny amin'ny tenanareo fa i Jesosy Kristy dia ao aminareo? -Raha toa ianareo ka tsy nahomby tamin'ny fitsapana. <sup>6</sup> Ary izaho mahatoky fa ianareo dia hiaiky fa isika dia nahomby amin'izany fitsapana izany. <sup>7</sup> Ankehitriny isika dia mivavaka amin'Andriamanitra fa tsy afaka ny anao zavatra ratsy ianareo. Izaho dia tsy mivavaka ny afaka ahitana fa isika dia nahomby amin'ny fitsapana. Fa kosa, izaho dia nivavaka ny mba ahafahanareo manao izay mety kanefa isika dia mety ho hita ho toy ny tsy nahomby tamin'ny fitsapana. <sup>8</sup> Fa isika dia tsy afaka ny hanao zavatra manohitra amin'ny fahamarinana, fa ho an' ny fahamarinana irery ihany. <sup>9</sup> Fa isika dia mifaly rehefa marefo ary mafy ianareo. Fa isika ihany koa dia mivavaka mba ho ataontsika feno ianareo. <sup>10</sup> Manoratra ireto zavatra ireto aho raha manalavitra anareo aho, ka rehefa miaraka aminareo aho dia tsy voatery mitondra anareo an-katezerana amin'ny fampiasana ny fahefako-izay nomen'ny Tompo ahy, mba ananganako anareo, ary tsy hanimba anareo. <sup>11</sup> Farany, ry rahalahy, mifalia! miasa ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny, mahereza, mifaneke ny tsirairay, miaina ampianana, ary ny Andriamanitra ny fitiavana sy ny fiadanana dia hiaraka aminareo. <sup>12</sup> Mifampiarahabà ianareo amin'ny fanorohana Masina. <sup>13</sup> Ireo mpino rehetra dia manao veloma anareo. <sup>14</sup> Enga anie ny fahasovan'ny Tompo Jesosy Kristy, ny fitiavan'Andriamanitra, sy ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina ho ao aminareo rehetra.

### Footnotes

13:13 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia manambatra ny andininy faha 13 amin'ny andininy faha 12 ary manao ny andininy faha 14 ho andininy faha 13.

### 2 Corinthians 13:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Apetrak'i Paoly tsara fa i kristy dia miteny amin'ny alalany ary tian'i Paoly ny hamerina, hampahery, ary hampiombona azy ireo ihany koa.

#### Ny fiampangana rehetra dia tsy maintsy miorina amin'ny porofo amin'ny vavolombelona roa na telo

Azo adika hoe DH: "mino fa nisy olona nanao zavatra tsy nety taorian'ny nilazan'ny olona roa na telo zavatra mitovy"

#### tamin'ireo ambiny rehetra

"tamin'ireo olona rehetra hafa"

### 2 Corinthians 13:3

#### Izy nohombohana

Azo adika hoe DH: "nohomboana izy ireo Izy"

#### kanefa isika dia miara-miaina amin'ny herin'Andriamanitra

"Andriamanitra manome antsika ny hery sy fahafahana miaina ao aminy sy miaraka aminy.

### 2 Corinthians 13:5

#### tsy mbola azonareo an-tsaina ve izany momba ny amin'ny tenanareo fa i Jesosy Kristy dia ao aminareo?

Mametraka izany fanontaniana izany i Paoly mba hanindriana ny heviny. DH: "Ianareo dia tokony hahalala fa i Jesosy Kristy dia ao aminareo!" na "Jesosy Kristy dia ao aminareo. Tokony efa fantatrareo izany!"

#### Ao aminareo

Ireo mety ho dikany dia 1) monina ao amin'ny tsirairay na 2) "eo aminareo," ny isan'ny manandanja indrindra amin'ny mpikambana ao amin'ny vondrona.

### 2 Corinthians 13:7

#### fa tsy afaka ny anao zavatra ratsy ianareo

"Fa tsy hanota mihitsy ianareo" na "Fa tsy hanaiky ny hiaino anay rehefa manitsy anareo." DH: "fa hanao marina ireo zavatra rehetra"

**nahomby amin'ny fitsapana**

"mba ho mpampianatra lehibe ary miaina amin'ny fahamarinana"

**Fa isika dia tsy afaka ny hanao zavatra manohitra amin'ny fahamarinana**

"tsy afaka ny hisakana ny olona amin'ny fahafantarana ny fahamarinana isika"

**ny fahamarinana, fa ho an' ny fahamarinana irery ihany**  
"ny fahamarinana; ny zava-drehetra ataontsika dia hahatonga ny olona hahafantatra ny marina"

**2 Corinthians 13:9**

**mba ho ataontsika feno ianareo**

"mba ho matotra ara-panahy"

**amin'ny fampiasana ny fahefako**

"rehefa mampiasa ny fahefako aho"

**mba ananganako anareo, ary tsy hanimba anareo.**

I Paoly dia miresaka amin'ireo Korintianina mba hahafantaran'izy ireo bebe kokoa an'i Kristy toy ny

hoe nanorina trano izy. DH: "mba hanampy anareo ho tonga mpanaraka tsara an'i Kristy ary tsy hahakivy anareo ka hitsahatra ny hanaraka azy.

**2 Corinthians 13:11**

**Fampifadraisana ny foto-kevitra**

Faranan'i Paoly ny taratasiny ho an'ireo mpino Korintianina.

**miasà ho amin'ny famerenana**

"miasà amin'ny fahamatorana"

**mifaneke ny tsirairay**

"mahaiza mifanaraka amin'ny tsirairay"

**amin'ny fanorohona Masina**

"amin'ny fitiavan'ny Kristianina"

**2 Corinthians 13:13**

**Ireo mpino**

"ireo izay natokan'Andriamanitra ho an'ny tenany"

## Book: Galatians

### Galatians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostoly \_ tsy apostoly avy amin'ny olona na tamin'ny alalan'ny olona, fa avy amin'i Jesosy Kristy sy ilay Andriamanitra Ray, izay nanangana Azy tamin'ny maty \_ <sup>2</sup> ary ireo rahalahy rehetra miaraka amiko, ho an'ireo fiangonan'ny Galatiana: <sup>3</sup> Fahasoavana ho aminareo ary fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo, <sup>4</sup> izay nanolotra ny tenany ho an'ny fahotantsika mba hanafahany antsika amin'izao andron'ny faharatsiana izao, araka ny sitrapon'Andriamanitsika sy Raintsika, <sup>5</sup> ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena. <sup>6</sup> Gaga aho hoe niala faingana tamin'ilay niantso anareo tamin'ny fahasoavan'i Kristy ianareo. Gaga aho fa mitodika ho amin'ny filanzantsara hafa ianareo. <sup>7</sup> Tsy midika akory izany fa misy filanzantsara hafa, fa misy olona maromaro izay mitondra fikorontanana ho anareo ary te hanova ny filazantsaran'i kristy. <sup>8</sup> Fa na izahay na anjely avy any an-danitra aza no hitory filazantsara hafa aminareo noho izay nitorianay taminareo, dia aoka izy ho voaozona. <sup>9</sup> Araka izay nolazainay taloha, dia ankehitriny aho manambara indray hoe: "Raha misy olona manambara aminareo filazantsara hafa noho izay noraisinareo, dia aoka izy ho voaozona." <sup>10</sup> Moa ve izaho ankehitriny mitady ny fakantoavan'ny olona sa Andriamanitra? Moa ve izaho mitady izay hampifaly ny olona? Raha mbola manohy miezaka ny hampifaly olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy. <sup>11</sup> Fa tiako ho fantatrareo, ry rahalahiko, fa ny filazantsara izay nambarako dia tsy filazantsaran'olombelona. <sup>12</sup> Tsy nandray izany tamin'olona aho, na nampianarina ahy izany. Fa kosa, izany dia fanambaran'i Kristy Jesosy tamiko. <sup>13</sup> Fa ianareo nahare ny amin'ny fiainako taloha tamin'ny fomba fivavahana Jiosy, sy ny fomba nanenjahako ny fiangonan'Andriamanitra mihoatra ny tokony ho izy ary ny fiezahako handrava izany. <sup>14</sup> Nandroso tamin'ny fivavahan'ny Jiosy aho nihoatra ny maro tamin'ireo nitovy taona tamiko, avy tamin'ireo iray firenena tamiko. Toy izany ny fomba nihazonako mafy ireo fomban-drazako. <sup>15</sup> Kanefa Andriamanitra, izay nanokana ahy hatrany an-kibon-dreniko, ary niantso ahy tamin'ny alalan'ny fahasoavany, <sup>16</sup> rehefa faly ny hampiseho ny Zanany lahy tamiko, mba hahafahako manambara Azy any amin'ny Jentilisa, dia tsy naka saina tamin'ny nofo sy ra avy hatrany aho. <sup>17</sup> Tsy niakatra tany Jerosalema ho any amin'ireo efa lasa Apostoly talohako aho. Fa kosa, nandeha tany Arabia ary avy eo niverina tany Damaskosy aho. <sup>18</sup> Ary telo taona taoriana dia niakatra tany Jerosalema mba hifankafantatra tamin'i Kefasy aho ary nijanona niaraka taminy nandritra ny dimy ambin'ny folo andro. <sup>19</sup> Fa tsy nisy hitako ireo Apostoly ankoatra an'i Jakoba, ilay rahalahin'ny Tompo. <sup>20</sup> Ary ao amin'izay soratako ho anareo, dia manome toky anareo aho eo anatrehan'Andriamanitra, fa tsy mandainga aho. <sup>21</sup> Avy eo aho dia nandeha tany amin'ny faritr'i Syria sy Kilikia. <sup>22</sup> Tsy mbola fantatra teo amin'ireo fiangonan'i Jodia izay ao amin'i Kristy aho. <sup>23</sup> Henon'izy ireo fotsiny izay voalaza hoe: "Ilay lehilahy izay nanenjika antsika fahiny ankehitriny dia manambara ilay finoana izay niezahany nopotehina taloha." <sup>24</sup> Noho izany izy ireo dia nidera an'Andriamanitra noho ny amiko.

#### Galatians 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly, apostoly iray, no manoratra ity taratasy ity ho an'ny fiangonana ao amin'ny faritr'i Galatia.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Raha tsy misy fanamarihana manokana, dia manondro ireo Galatiana avokoa ny ianareo rehetra ato amin'ity taratasy ity.

##### izay nanangana Azy

"izay nanagana an'i Jesosy Kristy"

##### nanangana

Eto ny dikan'io dia hoe: mahatonga ny olona iray izay efa maty hanjary ho velona indray.

##### ireo rahalahy

Eto izany dia midika hoe namana kristiana, ao anatin'izany na ny lahy na ny vavy, satria ny mpino rehetra dia isan'ny fianakaviana ara-panahy iray ihany, izay Andriamanitra no Ray any an-danitra. DH: "rahalahy sy anabavy"

**Galatians 1:3****ho an'ny fahotantsika**

Ny hoe "fahotana" eto dia maneho ny famaizana nohon'ny fahotana. DH: "nanaizotra ny famaizana mendrika antsika nohon'ny fahotantsika"

**mba hanafahany antsika amin'izao andron'ny faharatsiana izao**

Eto ny hoe "izao andro ... izao" dia maneho ny hery izay miasa amin'izao andro izao. DH: "mba hanafahany antsika amin'ny herin'ny ratsy izay miasa ankehitriny eto amin'izao tontolo izao"

**Andriamanitsika sy Raintsika**

Ilazana ny "Andriamanitra Raintsika" io. Izy no Andriamanitra sy raintsika.

**Galatians 1:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manome ny antony anoratany ity taratasy ity i Paoly: mampatsiahy azy ireo mba hanohy hahatakatra ny filazantsara hatrany izy.

**Gaga aho**

"Taitra aho" na "tohina aho." Diso fanantenana i paoly nohon'ny fanaovan'izy ireo izany.

**hoe niala faingana tamin'ilay ... filazantsara hafa**

Ireo mety hoe dikany dia 1) "njanona tsy natoky Azy faingana ianareo" na 2) "nivadika taminy faingana izanareo"

**ilay niantso anareo**

"Andriamanitra, ilay niantso anareo"

**niantso**

Eto io dia midika fa Andriamanitra dia nanendry na nifidy ny olona mba ho zanany, hanompo Azy, ary hitory ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy.

**tamin'ny fahasoavan'i Kristy**

"nohon'ny fahasoavan'i Kristy" na "nohon'ny sorona feno fahasoavana nataon'i Kristy"

**mitodika amin'ny filazantsara hafa**

"mino filazantsara hafa ianareo"

**Galatians 1:8****no hitory**

Mamaritra zavatra tsy nitranga ary tsy tokony hitranga io. DH: "no hanambara" na "andeha hanambara"

**hafa aminareo noho izay**

"samihafa amin'ny ilay Filazantsara" na "samihafa amin'ilay hafatra"

**aoka izy ho voaozona**

"Ho faizin'Andriamanitra mandrakizay anie izany olona izany." Raha manana fomba mahazatra mahalaza ny fiantsoana ozona ho eo amin'ny olona iray ny fiteninao, dia ampiasao eto izany.

**Moa ve izaho ankehitriny mitady ny fakantoavan'ny olona sa Andriamanitra? Moa ve izaho mitady izay hampifaly ny olona?**

"Tsia" ny valinteny andrasana amin'ity fanontaniana fampisainana ity. DH: "tsy mitady ny fankatoavan'ny olona aho, fa kosa mitady ny fankatoavan'Andriamanitra. Tsy mitady ny hampifaly olona aho.

**Raha mbola manohy miezaka ny hampifaly olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy**

Ny "raha" sy ny "dia" dia anehoana fifanoherana eo amin'ny zava-misy. "tsy mbola miezaka ny hampifaly olona aho; fa mpanompon'i Kristy aho" na "Raha mbola miezaka ny hila sitraka amin'ny olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy"

**Galatians 1:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava i Paoly fa tsy nandray filazantsara tamin'ny hafa; nandray izany avy tamin'i Jesosy Kristy izy.

**rahalahiko**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1 io.

**tsy filazantsaran'olombelona**

Amin'ny fampiasany io fehezanteny io, dia tsy miteny i Paoly fa tsy olombelona akory i Jesosy. Satria i Jesosy dia sady olombelona no Andriamanitra, kanefa, tsy olombelona feno fahotana Izy. Manoratra ny amin'ny niavian'ny filazantsara i Paoly; fa tsy avy amin'ny olombelona feno fahotana izany, fa avy amin'i Jesosy Kristy.

**izany dia fanambaran'i Kristy Jesosy tamiko**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Jesosy Kristy mihitsy no nampiseho ny filazantsara tamiko" na 2) "Nampahafantarina Andriamanitra ahy ny filazantsara tamin'ny nampisehoany ahy hoe iza i Jesosy Kristy."

**Galatians 1:13****fiainako taloha**

"toetrako taloha" na "fiainako teo aloha"

**Nandroso ... aho**

Io sarin-teny io dia maneho kisarisarin'ny taonan'i Paoly eo alohan'ny Jiosy hafa amin'ny tanjon'izy ireo ho jiosy tonga lafatra.

**ireo nitovy taona tamiko**

"ireo olona Jiosy izay mitovy taona amiko"



## Galatians 1:15

### **niantso ahy tamin'ny alalan'ny fahasoavany**

Ireo mety ho dikany dia hoe: "Niantso ahy mba hanompo Azy Andriamanitra satria be fahasoavana Izy"

### **ny hampiseho ny Zanany lahy tamiko**

Ireo mety hoe dikany dia 1) "hamela ahy hahafantara ny Zanany" na 2) "mba hampiseho an'izao tontolo izao amin'ny alalako fa i Jesosy no Zanak'Andriamanitra."

### **Zanany lahy**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra io.

### **manambara Azy**

"manambara fa Izy no Zanak'Andriamanitra" na "mitory ny vaovao mahafaly momba ny Zanak'Andriamanitra"

### **naka saina tamin'ny nofo sy ra**

Io dia fomba fiteny izay midika hoe miresaka amin'olona. DH: "nangataka ny olona mba hanampy ahy hahazo ilay hafatra"

### **niakatra tany Jerosalema**

"nankany Jerosalema." Jerosalema dia faritra teny amin'ny havoana, ary nila nikatra havoana maromaro vao tonga teny, noho izany dia efa iraisana ny filazana ny dia makany Jerosalema hoe "miakatra ho any Jerosalema."

## Galatians 1:18

### **Fa tsy nisy hitako ireo Apostoly ankoatra an'i Jakoba**

DH: "i Jakoba ihany no apostoly hafa mba hitako"

### **eo anatrehan'Andriamanitra**

Tian'i Paoly ho azon'ireo Galatiana fa matotra tanteraka i Paoly ary fantany fa ren'Andriamanitra izay lazainy ka ho tsarainy izy raha toa ka tsy milaza ny marina.

### **Ary ao amin'izay soratako ho anareo, dia manome toky anareo aho eo anatrehan'Andriamanitra, fa tsy mandainga aho**

Mampiasa fanalefahan-teny i Paoly mba hanindriana fa milaza ny marina izy. DH: "Tsy mandainga aminareo aho ao amin'ny hafatra izay soratako aminareo" na "ao amin'ireo zavatra izay soratako aminareo dia milaza ny marina aminareo aho"

## Galatians 1:21

### **faritr'i**

"ilay ilan'ny tany antsoina hoe"

### **Henon'izy ireo fotsiny izay voalaza hoe**

"fa izay ren'izy ireo nambaran'ny hafa momba ahy ihany no fantatr'izy ireo"

### **Tsy mbola fantatra teo amin'ireo fiangonan'i Jodia izay ao amin'i Kristy aho**

"Tsy mbola nisy nihaona tamiko mihitsy ny olona tao amin'ireo fiangonan'i Jodia izay ao amin'i Kristy"



## Chapter 2

<sup>1</sup> Efatra ambin'ny folo taona taty aoriana dia niakatra tany Jerosalema indray aho niaraka tamin'i Barnabasy, dia nitondra an'i Titosy niaraka tamiko. <sup>2</sup> Niakatra tany nohon'ny fanambarana iray aho ary nametraka teo amin'izy ireo ny filazantsara izay toriako eo amin'ireo Jentilisa. Niresaka mitokana tamin'ireo izay noheverina ho manan-danja aho, mba hahazoana antoka fa tsy nihazakazaka \_ na efa nihazakazaka \_ very maina aho. <sup>3</sup> Fa na Titosy aza, izay niaraka tamiko no sady Grika, dia noterena ho voafora. <sup>4</sup> Niditra mangingina ireo rahalahy sandoka mba hitsikilo ny fahafahana hanananay ao amin'i Kristy Jesosy. Naniry ny hanandevo anay izy ireo, <sup>5</sup> fa tsy nety ny hanaiky azy ireo na dia fotoana kely aza izahay, mba hitoeran'ny fahamarinan'ny filazantsara aminareo. <sup>6</sup> Fa ireo izay noheverina ho manan-danja (na inona na inona izy ireo dia tsy mampaninona ahy, Andriamanitra dia tsy miangatra) \_ lazaiko, ireo, izay heverina ho manan-danja dia tsy nanampy na inona na inona tamiko. <sup>7</sup> Mifanohitra amin'izany, hitan'izy ireo fa nanankinana ny filazantsara ho an'ireo izay tsy voafora aho, tahaka ny nanankinana an'i Petera ny filazantsara ho an'ireo izay voafora. <sup>8</sup> Fa Andriamanitra, izay niasa tao amin'i Petera ho amin'ny maha-apostoly ho an'ireo izay voafora, dia niasa tato amiko ihany koa ho an'ireo Jentilisa. <sup>9</sup> I Jakoba, Kefasy, ary Jaona, izay fantatra fa anisan'ireo nanorina ny fiangonana, rehefa nahalala ny fahasovana izay nomena ahy, dia nanome ny tanana ankavanana ny fiombonana ho ahy sy Barabasy izy ireo. Nataon'izy ireo izany mba hahafahanay mankany amin'ny Jentilisa, ary mba hahafahan'izy ireo mankany amin'ireo izay voafora. <sup>10</sup> Nangataka fotsiny izy ireo mba hahatsiaro ny mahantra izahay, izay zavatra tena tiako atao tokoa. <sup>11</sup> Fa rehefa tonga tany Antioka i Kefasy, dia nanohitra azy teo amin'ny tavany aho satria voalaza fa diso izy. <sup>12</sup> Talohan'ny nahatongavan'ireo lehilahy sasany avy any amin'i Jakoba, dia teo am-pisakafoana niaraka tamin'ireo Jentilisa i Kefasy. Fa rehefa tonga ireo lehilahy ireo, dia nijanona izy ary niala lavitra an'ireo Jentilisa. Natahotra ireo izay nitaky famorana izy. <sup>13</sup> Ny sisa tamin'ireo Jiosy koa dia niray tamin'izany fiatsaram-belatsihy izany. Na i Barnabasy aza dia voavily lalana niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fiatsaram-belatsihin'izy ireo. <sup>14</sup> Fa rehefa hitako fa tsy manaraka ny fahamarinan'ny filazantsara ny fitondran-tenan'izy ireo, dia niteny tamin'i Kefasy teo anoloan'izy rehetra aho hoe: "Raha Jiosy ianao kanefa miaina tahaka ny Jentilisa fa tsy tahaka ny Jiosy, ahoana no ahafahanao manery ireo Jentilisa hiaina tahaka ny Jiosy?" <sup>15</sup> Isika dia Jiosy tamin'ny alalan'ny fahaterahana fa tsy mpanota Jentilisa; <sup>16</sup> fantatsika anefa fa tsy misy olona hamarinin'ny asan'ny lalàna fa amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy Jesosy. Isika ihany koa dia tonga tamin'ny finoana an'i Jesosy Kristy mba ho hamarinina amin'ny finoana an'i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàna. Fa tsy hisy nofo ho hamarinina amin'ny asan'ny lalàna. <sup>17</sup> Fa raha toa ka, mitady ho hamarinina ao amin'i Kristy isika, isika ihany koa, dia hita fa mpanota, moa mamporisika ny fahotana ary ve i Kristy? Tsia avy hatrany! <sup>18</sup> Fa raha manangana indray ireo zavatra efa noravako taloha aho, dia manaporofy ny tenako ho mpandika lalàna aho. <sup>19</sup> Fa tamin'ny lalàna no nahafatesako amin'ny lalàna, mba ho velona ho an'Andriamanitra aho. <sup>20</sup> Nohomboana niaraka tamin'i Kristy aho. Tsy izaho intsony no velona, fa i Kristy no velona ato anatiko. Ny fiainana iainako ao amin'ny nofo ankehitriny dia iainako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, izay tia ahy ka nanolotra ny tenany ho ahy. <sup>21</sup> Tsy manilika ny fahasovan' Andriamanitra aho, fa raha azo amin'ny lalàna ny fahamarinana, dia tsy misy dikany ny nahafatesan'i Kristy!

### Galatians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza ny tantaran'ny nandraisany ny filazantsara avy amin'Andriamanitra, fa tsy ireo apostoly, i Paoly.

#### niakatra

"nandeha." Jerosalema dia tao amina tany avo. Noraisin'ireo Jiosy ho toy ny toerana akaikin'ny lanitra indrindra ihany koa i Jerosalema, koa dia miteny amin'ny fomba tsy ara-bekiteny i Paoly, na mety maneho ny dia sarotra sy miakatra hihazoana an'i Jerosalema io.

#### ireo izay noheverina ho manan-danja aho

"ireo mpitarika manan-danja indrindra eo amin'ireo mpino"

#### tsy nihazakazaka \_ na efa nihazakazaka \_ very maina aho

Ampisain'i Paoly ho sarin-teny ilazana ny asa ny fihazakazahana, mampiasa teny miverina indroa izy mba hanindriana fa nahazoany tombony ny asa vitany. DH: "nanao, na efa nanao, asa ahazoana tombony aho"

#### very maina

"tsy misy tombony" na "fahatany"

## Galatians 2:3

### ho voafora

Azo atao hoe DH: "mba hisy hamora azy"

### Niditra mangingina ireo rahalahy sandoka

"Nisy olona mody kristina niditra tao am-piangonana," na "Nisy olona mody kristiana nankeo aminay"

### hitsikilo ny fahafahana

mijery ny olona mangingina mba hahitana ny fomba fianina'izy ireo amin'ny fahafahana

### Naniry ... izy ireo

"Naniry ireo mpitsikilo ireo" na "Ireo rahalahy sandoka ireo dia te"

### hanandevo anay

"hahatonga anay ho andevon'ny lalàna." Miresaka ny amin'ny fanerana ny hanaraka ny fomban'ireo Jiosy izay nandidian'ny lalàna i Paoly. Miresaka momba izany toy ny fanadevozana izy. Ny fomba lehibe indrindra dia ny famorana. DH: "hanery anay hankatoa ny lalàna"

### tsy nety ny hanaiky

"tsy nety hihaino"

## Galatians 2:6

### nanampy na inona na inona tamiko

Ny teny hoe "tamiko" eto dia manondro izay nampianarin'i Paoly. DH: "tsy nanampy na inona na inona tamin'izay nampianariko" na "tsy niteny tamiko mba hanampy na inona na inona amin'izay ampianariko"

### Mifanohitra amin'izany

"Fa kosa"

### nanankinana ny filazantsara

Azo atao hoe DH: "Nankinin'Andriamanitra tamiko"

## Galatians 2:9

### nanorina ny fiangonana

Izy ireo no lehilahy izay nampianatra ny olona momba an'i Jesosy ary nandresy lahatra ny olona mba hino an'i Jesosy.

### ny fahasoavana izay nomena ahy

"fa nalemy fanahy tamiko Andriamanitra"

### nanome ... tanana ankavanan'ny fiombonana

"nandray ... tahaka ny mpiara-miasa" na "nandray ... tamim-panajana"

### tanana ankavanan'ny

"ny tanana ankavanan'izy ireo"

### hahatsiaro ny mahantra

"hiahy ny amin'ny filan'ny mahantra"

## Galatians 2:11

### nanohitra azy teo amin'ny tavany aho

Ny teny hoe "teo amin'ny tavany" dia midika hoe "teo amin'izay nahafahany nahita sy nandre ahy." DH: "Nifanatrika taminy mivantana aho" na "niteny ny asany mivantana aho"

### Talohan'ny

resaka fifandraisan'ny fotoana

### nijanona izy

"nitsahatra tsy nisakafo niaraka tamin'izy ireo"

### Natahotra ireo izay ... izy

"Natahotra ny ho tsarain'ireo lehilahy izay nitaky famorana ho manao zavatra tsy mety izy" na "Natahotra ny ho melohin'ireo lehilahy izay nitaky ny famorana ho manao zavatra tsy mety izy"

### ireo izay nitaky famorana izy

Ireo Jiosy izay lasa kristiana, saingy nitaky ireo izay mino an'i Kristy mba hiaina araka ny fomba Jiosy.

### niala lavitra an'ireo

"nijanona lavitra" na "nisintaka lavitra"

## Galatians 2:13

### tsy manaraka ny fahamarinan'ny filazantsara

"tsy miaina tahaka ny olona izay mino ny filazantsara izy ireo" na "miaina toy ny hoe tsy mino ny filazantsara izy ireo"

### ahoana no hahafahanao manery ireo Jentilisa hiaina tahaka ny Jiosy?

Ity fanontaniana fampisainana ity dia fananarana ary azo adika ho teny tsotra. DH: "diso ianao raha manery ny Jentilisa hiaina tahaka ny Jiosy." Ny teny hoe "iana" dia manondro an'i Petera.

### manery

Ireo mety ho heviny dia 1) manery amin'ny fampiasana teny na 2) mandresy lahatra.

## Galatians 2:15

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Milaza amin'ireo mpino i Paoly fa ireo Jiosy izay mahafantatra ny lalàna, sy ireo Jentilisa izay tsy mahafantatra ny lalàna, dia voavonjy amin'ny finoana an'i Kristy ihany fa tsy amin'ny fitandremana ny lalàna.

### tsy mpanota Jentilisa

"tsy ireo antsoin'ny Jiosy hoe mpanota Jentilisa"

### Isika ihany koa dia tonga tamin'ny finoana an'i Kristy Jesosy

"Nino an'i Kristy Jesosy isika"

**Isika**

Mety ho manondro an'i Paoly sy ireo olona hafa io fa tsy ireo Galatiana.

**tsy hisy nofo**

Ny teny hoe "nofo" eto dia ilazana ilay olona manontolo. DH: "tsy misy olona"

**Galatians 2:17**

**mitady ho hamarinina ao amin'i Kristy isika**

Ny andian-teny hoe "hamarinina ao amin'i Kristy" dia midika hoe voamarina satria mikambana amin'i Kristy ary voamarina amin'ny alalan'i Kristy.

**isika ihany koa, dia hita fa mpanota**

Ny andian-teny hoe "hita fa" dia fomba fiteny hanindriana fa "isika dia" mpanota tokoa. DH: "hitantsika fa isika ihany koa dia mpanota tokoa"

**Tsia avy hatrany!**

"Mazava ho azy, tsy marina izany!" Io filazana io dia manome valinteny fanoherana mafonja an'ilay fanontaniana fampisainana teo aloha: "Lasa

andevon'ny fahotana ve Kristy?" Mety manana fomba fiteny mitovitovy amin'izany amin'ny fiteninao izay azonao ampiasaina eto ianao.

**Galatians 2:20**

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy io.

**Tsy manilika ... aho**

DH: "Hamafisiko ny lanjan'ny"

**fa raha ny fahamarinana no azo ... ny nahafatesan'i Kristy**

Mamaritra tranga mbola tsy nisy mihitsy i Paoly.

DH: "fa tsy nisy fahamarinana ... noho izany dia tsy maty ... i Kristy"

**raha azo amin'ny lalàna ny fahamarinana**

"raha afaka ny ho marina amin'ny alalan'ny fitandremana ny lalàna ny olona iray"

**dia tsy misy dikany ny nahafatesan'i Kristy**

"dia tsy nahatanteraka na inona na inona tamin'ny fahafatesana"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ry Galatiana Adala! Iza no namosavy anareo? Teo imasonareo indrindra no nanehoana an'i Jesosy Kristy voahombo. <sup>2</sup> Izaon'ny zavatra tiako ianarana aminareo: Nandray ny Fanahy tamin'ny asan'ny lalàna sa tamin'ny finoana izay renareo ianareo? <sup>3</sup> Adala tokoa ve ianareo? Niatomboka tamin'ny Fanahy ianareo, dia hiafara amin'ny nofo ve ankehitriny? <sup>4</sup> Moa niharitra zava-maroko tamin'ny tsy misy dikany ve ianareo\_ fa raha tena zava-poana tokoa ary izany? <sup>5</sup> Moa ve izy izay manome ny Fanahy anareo sy manao asa mahagaga eo aminareo dia manao izany izany amin'ny asan'ny lalàna, sa amin'ny fihainoana amin'ny finoana? <sup>6</sup> Tahaka an'i Abrahama "nino an'Andriamanitra ary nisaina ho fahamarinany izany," <sup>7</sup> dia tahaka izany, fantaro, fa ireo izay amin'ny finoana dia zanak'i Abrahama. <sup>8</sup> Ny Soratra Masina, nahita mialoha fa Andriamanitra hanamarina ireo Jentilisa amin'ny finoana, dia nitony ny filazantsara mialoha tamin'i Abrahama, niteny hoe: "Avy aminao no hitahiana ny firenena rehetra." <sup>9</sup> Koa, ireo izay amin'ny finoana dia voatahy miaraka amin'i Abrahama, ilay olon'ny finoana. <sup>10</sup> Ireo izay miankina amin'ny asan'ny lalàna dia eo ambanin'ny ozona; fa voasoratra hoe: "Voaozona izay rehetra tsy manaiky ny zavatra rehetra voasoratra ao anatin'ny bokin'ny lalàna, sy manao ireny." <sup>11</sup> Ankehitriny dia mazava fa tsy misy olona izay hamarinina eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna, satria ny marina dia ho velona amin'ny finoana. <sup>12</sup> Fa ny lalàna dia tsy araka ny finoana, fa kosa, "Ny olona izay manao ny asan'ny lalàna dia tsy maintsy velona amin'ireo". <sup>13</sup> Kristy nanavotra antsika tamin'ny ozon'ny lalàna tamin'ny nahatongavany ho ozona ho antsika— fa voasoratra hoe: "Voaozona izay rehetra mihantona amin'ny hazo" — <sup>14</sup> mba ho tonga amin'ny Jentilisa ny fitahian'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, mba ho amin'ny finoana no ahazoantsika ilay fampanantenana ny Fanahy. <sup>15</sup> Ry rahalahy, avelao aho hiteny araka ny fanaon'ny olona. Ao amin'ny fifanarahana ataon'ny olona, tsy misy afaka manafonana na manampy izay ao, rehefa tafapetraky ny lalàna izany. <sup>16</sup> Ary ireo fampanantenana dia nolazaina tamin'i Abrahama sy tamin'ireo taranany. Tsy milaza izany hoe: "ho an'ny taranak'ny", manondro olona maro, fa kosa olona iray ihany, "ho an'ny taranakao," dia i Kristy. <sup>17</sup> Ary izao no tiako ho lazaina: "Ny lalàna, izay tonga telo-polo sy efa-jato taona taty aoriana, dia tsy hahafonana ny fanekena izay efa napetrak'Andriamanitra mialoha. <sup>18</sup> Fa raha avy amin'ny lalàna ny lova, dia tsy avy amin'ny fampanantenana intsony izany. Fa Andriamanitra nanome izany an'i Abrahama tamin'ny alalan'ny fampanantenana. <sup>19</sup> Inona, ary, ny tanjon'ny lalàna? Nasiana izany noho ireo fandikan-dalàna, mandra-pahatongan'ny taranak'i Abrahama eo amin'izay nanaovana ny fampanantenana. Ny lalàna dia nataon'ny mpanalalana iray ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely. <sup>20</sup> Fa ny mpanalalana dia midika olona mihoatra ny iray, kanefa Andriamanitra dia iray. <sup>21</sup> Moa ve ny lalàna manohitra ireo fampanantenana Andriamanitra? Sanatria izany! Fa raha nisy lalàna nomena izay afaka manome fiainana, dia avy tamin'ny lalàna tokoa ny fahamarinana. <sup>22</sup> Fa ny Soratra Masina nanagadra ny zava-drehetra ambanin'ny fahotana. Nanao izany Andriamanitra mba hanomezana ho an'ireo mino ny fampanantenana ny hanavotana antsika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy. <sup>23</sup> Ary talohan'ny ny nahatongavan'ny finoana, isika dia notazonina ho babo tao ambanin'ny lalàna, nogadraina mandra-pisehon'ny finoana. <sup>24</sup> Koa avy eo ny lalàna dia lasa mpiambina antsika nandra-piavian'i Kristy, mba ho voamarina amin'ny finoana isika. <sup>25</sup> Fa izao dia tonga izany finoana izany, ka tsy eo ambanin'ny mpiambina intsony isika. <sup>26</sup> Fa ianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra ao amin'ny finoana an'i Kristy Jesosy. <sup>27</sup> Fa maro aminareo izay natao batista tao amin'i Kristy, no nandray an'i Kristy. <sup>28</sup> Ary tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy, fa iray ihany ianareo ao amin'i Kristy. <sup>29</sup> Koa raha an'i Kristy ianareo, dia taranak'i Abrahama, sy mpandova araka ny fampanantenana ianareo.

### Galatians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampatsiahy ireo mpino ao Galatia i Paoly fa Andriamanitra dia nanome ny Fanahin'Andriamanitra tamin'ny ninoan'izy ireo ny filazantsaran'ny finoana, fa tsy amin'ny alalan'ny fampiharana izy ireo ny lalàn'Andriamanitra.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Mananatra ireo Galatiana amin'ny fametrahana fanontaniana fampisainana i Paoly.

#### Iza no namosavy anareo?

Mampiasa eso-teny sy fanontaniana fampisainana i Paoly mba hilazana fa toy ny namosavian'olona iray izy ireo. Tsy tena mino akory izy fa tena nisy namosavy izy ireo. DH: "Ny toetranareo dia toy ny hoe nisy namosavy ianareo!"

#### Izaon'ny zavatra tiako ianarana aminareo

Mbola tohin'ilay eso-teny tao amin'ny andininy 1 ity. Efa fantatr'i Paoly ny valin'ny fanontaniana fampisainana izay ho apetrany.

**Nandray ny Fanahy tamin'ny asan'ny lalàna sa tamin'ny finoana izay renareo ianareo?**

Adikao ho fanontaniana ity fanontaniana fampisainana ity raha azonao atao, satria hiandry fanontaniana ny mpamaky eto. Ary koa, ezaho mba ho fantatry ny mpamaky fa ny valin'ilay fanontaniana dia "amin'ny alalan'ny finoana izay renareo," fa tsy "amin'ny alalan'ny fanaovana izany lazain'ny lalàna." DH: "Nandray ny Fanahy ianareo, tsy tamin'ny fanaovana izay lazain'ny lalàna, fa tamin'ny finoana izay renareo."

**Adala tokoa ve ianareo?**

Ity fanontaniana fampisainana ity dia mampiseho fa taitra, eny tezitra aza i Paoly satria adala ireo Galatiana. DH: "Tena adala ianareo!"

**amin'ny nofo**

Ny teny hoe "nofo" dia ilazana ny ezaka. DH: "amin'ny fiezahanareo manokana" na "amin'ny asanareo manokana"

### Galatians 3:4

**nijaly tamin'ny zava-maroko tamin'ny tsy misy dikany ve ianareo ... ?**

Mampiasa io fanontaniana io i Paoly mba hampatsiahivana ireo Galatiana fa tamin'izy ireo nijaly, dia nino izy ireo fa handray tombony. DH: "Tsy nieritreritra mihitsy ianareo fa niaritra zava-maroko tamin'ny tsy misy dikany ... !" na "Fantatraroko tokoa fa misy antony tsara hiaretanareo zava-maroko ... !"

**nijaly tamin'ny zava-maroko tamin'ny tsy misy dikany ve ianareo**

Azo atao mazava fa niaritra ireo zavatra ireo izy ireo noho ny olona nanohitra azy ireo ny amin'ny finoana an'i Kristy. DH: "Niaritra zava-maroko avy tamin'ireo izay nanohitra anareo nohon'ny finoanareo an'ny Kristy tamin'ny tsy misy dikany ve ianareo" na "Nino an'i Kristy ianareo, ary niaritra zava-maroko avy tamin'ireo izay manohitra an'i Kristy. Zava-poana ve ny finoanareo sy ny fijalianareo"

**tamin'ny tsy misy dikany**

"tamin'ny tsy misy antony" na "tsy misy fanantenana handray zavatra tsara"

**raha tena foana tokoa**

Ireo mety ho heviny dia 1) Mampiasa fanontaniana fampisainana i Paoly mba hampitandremana azy ireo tsy hamela ny zavatra niainan'izy ireo ho tsy misy dikany. DH: "Aza avela ho tsy misy dikany izany!" na "Aza mitsahatra mino an'i Jesosy Kristy ka hamela ny fiaretanareo ho zava-poana." na 2) Mampiasa io fanontaniana io i Paoly mba hanomezana toky azy ireo fa tsy zava-poana ny fiaretan'izy ireo. DH: "Tsy zava-poana tokoa izany!"

**Moa ve izy izay ... manao izany izany amin'ny asan'ny lalàna, sa amin'ny fiainoana amin'ny finoana?**

Mametraka fanontaniana fampisainana iray hafa i Paoly mba hampatsiahivana ireo Galatiana ny

fomba handraisana'ny olona ny Fanahy. DH: "Izy ... tsy manao izany amin'ny asan'ny lalàna; manao izany amin'ny fihainoana amin'ny finoana izy."

**amin'ny asan'ny lalàna**

Io dia maneho ireo olona manao ireo asa takian'ny lalàna. DH: "satria manao ny asa asain'ny lalàna ataontsika ianareo."

**fiainoana amin'ny finoana?**

Mety hitaky ny fanaovana mazava kokoa ren'ny olona sy izay ninoan'izy ireo ny fitenin'ao. DH: "satria renareo ny hafatra ary nanana finoana an'i Jesosy ianareo" na "satria nihaino ny hafatra ianareo ary nino an'i Jesosy"

### Galatians 3:6

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy ireo mpino Galatiana i Paoly fa na dia i Abrahamana aza dia nandray fahamarinana tamin'ny finoana fa tsy tamin'ny lalàna.

**nisaina ho fahamarinany izany**

Hitan'Andriamanitra ny finoan'i Abrahamana an'Andriamanitra, koa noraisin'Andriamanitra ho marina i Abrahamana.

**ireo izay amin'ny finoana**

"ireo izay manana finoana." Ny hevitra ny anarana hoe "finoana" dia azo atao matoanteny hoe "mino." DH: "ireo izay mino"

**zanak'i Abrahamana**

Maneho ireo olona izay hitan'Andriamanitra tahaka ny nahitany an'i Abrahamana io. DH: "marina tahaka ny nahamarinana an'i Abrahamana"

**nahita mialoha**

Satria nanao ny fampanantenana tamin'i Abrahamana Andriamanitra ary nosoratan'izy ireo nialohan'ny nahatanterahan'izany tamin'ny alalan'i Kristy izany, dia toy ny olona iray izay mahalala ny ho avy mialohan'ny hisehoan'izany ny soratra masina. DH: "nilaza mialoha" na "nahita mialohan'ny hisehoan'izany"

**Ao aminao**

"Noho izay vitanao" na "Satria notahiako ianao." Ny teny hoe "iana" eto dia manondro an'i Abrahamana.

**ny firenena rehetra**

"ny vondron'olona rehetra eto amin'izao tontolo izao." Tsindrian'Andriamanitra fa tsy mitanila amin'ny vahoaka Jiosy, ilay vondrona voafidiny ihany Izy. Ny drafitra ny famonjeny dia ho an'ny Jiosy sy ireo tsy Jiosy.

### Galatians 3:10

**Ireo izay miankina amin'ny ... eo ambanin'ny ozona**

Ny hoe ao ambanin'ny ozona dia ilazana hoe voaozona. Eto izany dia maneho ny famaizana mandrakizay. "Ireo izay miankina amin'ny ... ny

lalàna dia voaozona" na "Ho faizin'Andriamanitra mandrakizay ireo izay miankina amin'ny ... lalàna"

#### **Ankehitriny dia mazava**

Azo hazavaina kokoa ny hoe inona no "mazava." DH: "Mazava ny soratra masina" na "Mampianatra mazava ny soratra masina"

#### **tsy misy olona izay hamarinina eo**

**anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna**  
Azo atao hoe DH: "tsy manamarina an'iza na iza amin'ny lalàna Andriamanitra"

#### **tsy misy olona izay hamarinina eo**

**anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna**  
I Paoly dia manitsy ny finoan'izy ireo fa raha mankatona ny lalàna izy ireo, dia hanamarina azy ireo Andriamanitra. DH: "tsy misy voamarina eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fankatoavana ny lalàna" na "Tsy manamarina an'iza na iza nohon'ny fankatoavany ny lalàna Andriamanitra"

#### **ny marina**

Ilazana ireo olo-marina io. DH: "olo-marina" na "olona izay raisin'Andriamanitra ho marina"

#### **asan'ny lalàna**

"izay ambaran'ny lalàna fa tsy maintsy ataontsika"

#### **tsy maintsy velona amin'ireo**

Ireo mety ho heviny dia 1) "tsy maintsy mankatona azy rehetra" na 2) "ho tsaraina amin'ny fahaizany manao izay angatahin'ny lalàna"

### **Galatians 3:13**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy ireo mpino indray i Paoly fa ny fitandremana ny lalàna dia tsy afaka mamonjy ny olona iray ary tsy manisany fepetra vaovao amin'ny fampanantenana tamin'ny finoana nomena an'i Abrahama izany.

#### **tamin'ny ozon'ny lalàna**

Ny anarana hoe "ozona" dia azo avadika ho matoanteny hoe "voaozona." DH: "tsy ho voaozona noho ny lalàna" na "tsy ho voaozona nohon'ny tsy fankatoavana ny lalàna"

#### **nahatongavany ho ozona ho anay**

Ny anarana hoe "ozona" dia azo atao matoanteny. DH: "tamin'ny nahavoaozona Azy ho antsika" na "raha nozonin'Andriamanitra Izy raha tokony ho isika"

#### **tamin'ny ozon'ny lalàna ... nahatongavany ho ozona ho anay ... Voaozona izay rehetra**

Eto ny ozona dia ilazana hoe meloka. DH: "mba tsy ho vaoheloky ny lalàna ... ho meloka raha tokony ho isika izany ... Meloka izay rehetra"

#### **mihantona amin'ny hazo**

Miandry ireo mpamaky i Paoly mba hahatakatra fa nanondro an'i Jesosy nihantona teo amin'ny hazofijaliana izy.

#### **ahazoantsika**

Tafiditra ao amin'io mpisolo-tena tampisaka "-tsika" io ireo olona izay hamaky ny taratasy.

### **Galatians 3:15**

#### **Ry rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1 io.

#### **araka ny fanaon'ny olona**

"tahaka ny olona" na "zavatra izay azon'ny ankamaroan'ny olona"

#### **Ankehitriny**

Io teny io dia mampiseho fa nilaza zavatra tamin'ny ankapobeny i Paoly, ary izao dia manomboka mampiditra toe-javatra voafaritry.

#### **manondro olona maro**

"manondro taranaka maro"

#### **ho an'ny taranakao**

Ny mpisolo-tena tampisaka "-ao" dia manondro olona iray mazava, izay taranak'i Abrahama voafaritry tsara (ary izany taranaka izany dia fantatra amin'ny hoe "Kristy").

### **Galatians 3:17**

#### **Fa raha avy amin'ny lalàna ny lova, dia tsy avy amin'ny fampanantenana intsony izany**

Miresaka momba ana toe-javatra izay tsy nisy i Paoly mba hanindriana fa tamin'ny alalan'ny fampanantenana ihany no niavian'ny lova. DH: "tonga amintsika amin'ny alalan'ny fampanantenana ny lova, satria tsy afaka nitandrana ireo fitakian'ny lalàn'Andriamanitra isika"

#### **lova**

Ny fandraisana izay nampanantenain'Andriamanitra eto dia atao toy ny hoe lova tany sy harena avy amin'ny fianakaviana, sady fitahiana sy fanavotana mandrakizay.

### **Galatians 3:19**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza amin'ireo mpino ao Galatia ny antony nanomezan'Andriamanitra ny lalàna i Paoly.

#### **Inona, ary, ny tanjon'ny lalàna?**

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Paoly mba hampidirana ny lohahevitry manaraka izay hiadiana hevitra. Azo adika ho teny tsotra ihany koa io. DH: "Ho lazaiko aminareo ny antom-pisian'ny lalàna" na "Mamelà ahy hilaza aminareo hoe nahoana Andriamanitra no nanome ny lalàna"



**Nasiana izany**

Azo atao hoe DH: "Nasian'Andriamaniitra izany" na "Nasian'Andriamaniitra ny lalàna"

**Ny lalàna dia nataon'ny mpanalalana iray ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely**

Azo atao hoe DH: "Nanao ny lalàna tamin'ny fanampian'ireo anjely Andriamaniitra, ary misy mpanelanelana nahatonga izany ho nanan-kery"

**mpanalalana**

"mpisololo tena"

**Fa ny mpanelanelana dia midika olona mihoatra ny iray, kanefa Andriamaniitra dia iray**

Nanome ny fampantanentany an'i Abrahama tsy nisy mpanelanelana Andriamaniitra, saingy nanome ny lalàna an'i Mosesy tamin'ny alalan'ny mpanelanelana Izy. Vokatry'izany, ireo mpamakin'i Paoly dia mety ho nihevitra fa nahatonga ny fampantanentana ho tsy manan-kery ny lalàna. Milaza izay mety ho noheverin'ireo mpamaky i Paoly eto, ary hamaly azy ireo ao amin'ny andininy manaraka.

**Galatians 3:21****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "isika" rehetra ato amin'ity ampahany ity dia manondro ireo Kristiana avokoa.

**manohitra**

"mifanohitra amin'ny" na "tsy mifanaraka amin'ny"

**Fa raha nisy lalàna nomena izay afaka manome fiainana**

Ny anarana hoe "fiainana" dia azo adika ho matoanteny hoe "miaina." DH: "raha nanome lalàna izay mahatonga ireo mitandrana izany hiaina Andriamaniitra"

**dia avy tamin'ny lalàna tokoa ny fahamarinana**

"dia hanjary ho marina amin'ny fankatoavana ny lalàna isika"

**Fa ny Soratra Masina nanagadra ny rehetra ambanin'ny fahotana. Fa Andriamaniitra nanao izany mba hanomezana ho an'ireo mino ny fampantanentana ny hanavotana antsika amin'ny alalan'ny finoana ao amin'i Jesosy Kristy**

ireo mety ho dikany hafa dia 1) "Satria manota avokoa isika, dia nataon'Andriamaniitra ho ao ambanin'ny fifehezan'ny lalàna ny zavatra rehetra, mba ho afaka omeny ireo izay mino, ireo izay nampanantenainy ho an'ireo izay mino an'i Kristy Jesosy" na 2) "satria manota isika, dia nataon'Andriamaniitra ho ao ambanin'ny fifehezan'ny lalàna ny zavatra rehetra, toy ny hoe mandefa azy ireo any am-ponja. Nataony izany satria ireo nampanantenainy ho an'ireo izay mino an'i Kristy dia tiany homena ireo izay mino.

**Soratra Masina**

Raisin'i Paoly toy ny hoe olona ny soratra masina ary miresaka momba an'Andriamaniitra, izay nanoratra ny soratra masina. DH: "Andriamaniitra"

**Galatians 3:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampatsiahy ireo izay any Galatia i Paoly fa ireo mpino dia olon'afaka ao amin'ny ankohonan'Andriamaniitra, fa tsy andevo ao ambanin'ny lalàna.

**isika dia notazonina ho babo tao ambanin'ny lalàna, nogadraina**

Azo atao hoe DH: "nihazona antsika ho babo ny lalàna ary tany am-ponja isika" na "nihazona antsika ho babo tany am-ponja ny lalàna"

**izahay dia notazonina ho babo tao ambanin'ny lalàna, nogadraina**

Ny fomba nifehezan'ny lalàna antsika dia resahina toy ny hoe mpiambina fonja izay mihazona antsika ho babo ny lalàna. DH: "nifehy antsika toy ny mpiambina fonja ny lalàna"

**mandra-pisehon'ny finoana**

Azo adika mazava hoe iza io finoana io. DH: "mandra-panehon'Andriamaniitra fa manamarina ireo izay mino an'i Kristy Izy" na "mandra-panehon'Andriamaniitra fa manamarina ireo izay matoky an'i Kristy Izy"

**mpiambina**

Mihoatra noho ny "olona iray izay manara-maso zaza iray," matetika dia andevo no tompon'Andraikitra amin'ny fampiharana ny fitsipika sy ny toetra apetrak'ireo ray aman-dreny, ary izy ireo no mitatitra ny fihetsiky ny zaza any amin'ny ray aman-dreny.

**mandra-piavian'i Kristy**

"mandra-piavin'ny fotoana nahatongavan'i Kristy"

**mba ho voamarina ... isika**

Talohan'ny nahatongavan'i Kristy, dia nikasa ny hanamariana antsika Andriamaniitra. Rehefa tonga Kristy, dia notanterahiny ny fikasany hanamariana antsika. Azo adika hoe DH: "mba ho ambaran'Andriamaniitra fa marina isika"

**Galatians 3:27****Ary tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy**

"Tsy mahita fahasamihafana eo amin'ny Jiosy sy ny Grika, ny andevo sy ny olon'afaka, ny lahy sy ny vavy Andriamaniitra"

**mpandova**

Ireo olona izay nanaovan'Andriamaniitra ny fampantanentana dia resahina toy ny handova tany

sy harena avy amina olona iray ao amin'ny  
fianakaviana.

---

## Chapter 4

<sup>1</sup> Milaza aho fa ny mpandova, raha mbola zaza izy, dia tsy hafa amin'ny andevo, na dia tompon'ny zavatra rehetra aza. <sup>2</sup> Kanefa izy dia eo ambany fifehezan'ireo mpiambina sy ireo mpitahiry zava-tsarobidy mandra-pahatongan'ny daty izay napetraky ny rainy. <sup>3</sup> Ka toy izany ihany koa, fony isika mbola zaza, dia nandevozin'ireo lalàna fitsipi-pianaran'izao tontolo izao. <sup>4</sup> Fa rehefa tonga ny fahafenoan'ny fotoana, dia nandefa ny Zanany Andriamanitra, izay natera-behivavy, nateraka tao ambanin'ny lalàna. <sup>5</sup> Nanao izany Izy mba hanavotana ireo izay ambanin'ny lalàna, mba hahafahantsika mandray ny fananganana ho zanaka. <sup>6</sup> Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ao am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, izay miantso hoe: "Aba, Ray." <sup>7</sup> Noho izany tsy andevo intsony ianao, fa zanaka, ary raha zanaka, dia mpandova amin'ny alalan'Andriamanitra ihany koa ianao. <sup>8</sup> Fa tamin'izany fotoana izany, fony ianareo tsy nahalala an'Andriamanitra, dia natao ho andevon'ireo izay, amin'ny hery voajanahary, dia tsy andriamanitra velively. <sup>9</sup> Fa ankehitriny ianareo dia lasa nahalala an'Andriamanitra, na koa hoe fantatr'Andriamanitra ianareo, ka ahoana no hiverenanareo amin'ny abidim-pianarana malemy no sady tsy misy dikany? Te ho andevozina indray ve ianareo? <sup>10</sup> Mandinika ireo andro sy ireo volana ary ireo vanim-potoana sy ireo taona ianareo! <sup>11</sup> Matahotra ny aminareo aho fa sao dia ho zava-poana ny asako teo aminareo. <sup>12</sup> Miangavy anareo aho, ry rahalahy, manaova tahaka ahy, satria izaho ihany koa dia efa lasa tahaka anareo. Tsy nanao ratsy tamiko ianareo. <sup>13</sup> Kanefa fantatrareo fa noho ny aretim-batako no nanambarako anareo ny filazantsara tamin'ny voalohany. <sup>14</sup> Na dia nitondra anareo tamin'ny fakampanahy aza ny toe-batako, dia tsy nanao tsinontsinona na nanilika ahy ianareo. Fa noraisinareo toy ny hoe anjelin'Andriamanitra kosa aho, toy ny hoe izaho mihitsy no Kristy Jesosy. <sup>15</sup> Aiza, noho izany, ny fahasoavanareo ankehitriny? Fa mijoro vavolombelona aminareo aho fa, raha azonareo atao, dia noesorinareo ny masonareo ary nomenareo ahy izany. <sup>16</sup> Ka noho izany, efa lasa fahavalonareo ve aho satria milaza aminareo ny marina? <sup>17</sup> Izy ireo dia mazoto ny hitaona anareo, fa tsy amin'ny tsara. Te hanidy anareo any ivelany izy ireo, mba hanananareo zotom-po ho azy ireo. <sup>18</sup> Tsara foana ny manana zotom-po amin'ny tanjona tsara, ary tsy rehefa miaraka aminareo ihany aho. <sup>19</sup> Ry zanako, mbola mijaly amin'ny fanaintainan'ny fiterahana ho anareo indray aho mandra-piforon'i Kristy ao aminareo. <sup>20</sup> Maniry aho mba ho afaka miaraka aminareo ankehitriny ary hanova ny feoko, satria sahiran-tsaina noho ny aminareo aho. <sup>21</sup> Teneno amiko, ianareo izay maniry ny ho eo ambanin'ny lalàna, moa tsy mihaino ny lalàna ve ianareo? <sup>22</sup> Satria voasoratra fa i Abrahama dia nanan-janaka roa lahy, ny iray avy amin'ny andevo vavy ary ny iray avy amin'ny vehivavy afaka. <sup>23</sup> Fa ny iray dia nateraky ny andevo vavy araka ny nofo, fa ilay iray hafa dia nateraky ny vehivavy tamin'ny teny fampanantenana. <sup>24</sup> Ireo zavatra ireo dia azo raisina ho toy ny fanoharana, satria ireo vehivavy ireo dia manambara fanekena roa. Ny iray amin'izy ireo dia avy amin'ny tendrombohitry'i Sinay ary niteraka zaza izay andevo izy. Izy io dia i Hagara. <sup>25</sup> Ary i Hagara dia maneho ny tendrombohitry'i Sinay any Arabia; ary maneho an'i Jerosalema amin'izao fotoana izao, satria nandevozina niaraka tamin'ireo zanany izy. <sup>26</sup> Fa i Jerosalema izay any ambony dia afaka, ary izy no renintsika. <sup>27</sup> Satria voasoratra hoe: "Mifalia, ianao ry momba izay tsy miteraka. Miantsoantsoa mafy ary manaova hiaka fifaliana, ianao izay tsy mijaly amin'ny fanaintainan'ny fiterahana. Satria ireo zanaky ny vehivavy izay nafoy dia maro noho ny an'ireo vehivavy manambady." <sup>28</sup> Fa ianareo, ry rahalahy, tahaka an'i Isaka, dia zanaky ny fampanantenana. <sup>29</sup> Tamin'izany fotoana izany ny olona izay teraka araka ny nofo dia nanenjika izay teraka araka ny Fanahy. Toy izany ihany ankehitriny. <sup>30</sup> Kanefa inona no lazain'ny soratra masina? "Alefaso any ny andevo vavy sy ny zanany lahy. Fa ny zanaka lahin'ny andevo vavy dia tsy hizara lova miaraka amin'ny zanaka lahin'ny vehivavy afaka." <sup>31</sup> Noho izany, ry rahalahy, tsy zanaky ny andevo vavy isika, fa zanaky ny vehivavy afaka.

### Galatians 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mampatsiahy ireo mpino Galatiana i Paoly fa tonga hanavotra ireo izay tao ambanin'ny lalàna i Kristy, ary tsy nataony andevo intsony izy ireo fa zanaka.

tsy hafa amin'ny  
"sahala amin'ny"

#### mpiambina

olona tompon'andraikitry ny ankizy ara-dalàna

#### mpitahiry zava- tsarobidy

olona izay hatokisan'ny hafa hiaro zavatra saro-bidy

### Galatians 4:3

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe "isika" ato dia manondro ny kristiana rehetra, ao anatin'izany ireo mpamakin'i Paoly.

#### lalàna fitsipi-pianaran'izao tontolo izao

Ireo mety ho dikany dia 1) maneho ireo lalàna na fitsipika ara-moralin'izao tontolo izao io, na 2) maneho ny hery ara-panahy, izay heverin'ny hafa fa mifehy izay miseho eto an-tany io.

#### hanavotana

"hividianana indray." Mampiasa sarin-teny ilazana olona iray mividy indray ny fanana efa very na mividy ny fahafahan'ny andevo iray i Paoly mba ho kisarisary maneho an'i Jesosy mandoa ny vidin'ny otan'ireo olony tamin'ny fahafatesana teo amin'ny hazo fijaliana.

#### Zanany

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra io.

### Galatians 4:6

**zanaka ianareo ... tsy andevo intsony ianao, fa zanaka** Mampiasa ny teny mahalaza ny zaza lahy i Paoly eto satria lova no resaka. Amin'ny fomban-drazany sy ny an'ireo mpamaky, ny lova matetika, dia mifindra any amin'ny lahy. Sady tsy manavaka no tsy manala ny vavy ao anaty lisitra izy.

#### nirahin'Andriamanitra ho ao am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, izay miantso hoe: "Aba, Ray."

Nandefa ny Fanahin'ny Zanak'Andriamanitra ho ao am-pon'ireo mino Azy ny Andriamanitra Ray. Ankehitriny dia fantatr'izy ireo fa tian'Andriamanitra hatrany toy ny fitiavan'ny ray malemy fanahy ireo zanany izy ireo.

#### nirahin'Andriamanitra ho ao am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany

Ilazana ny rantsana iray izay afaka misaina sy mahatsapa ao amin'ny olona ny fo eto. DH: "nandefa ny Fanahin'ny Zanany mba hampiseho antsika ny fomba fihevitra sy fiasa"

#### Zanany

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay zanak'Andriamanitra io.

#### izay miantso hoe

Ny Fanahy no ilay iray izay miantso.

#### Aba, Ray

Io no fomba hiantsoan'ny zaza ny rainy tamin'ny fitenin'i Paoly, fa tsy tamin'ny fitenin'ireo Galatiana mpamaky. Mba hitazonana ny fiteny vahiny, dia adikao amin'ny fomba izay mifanakaiky indrindra amin'ny hoe "Aba" araka izay azon'ny fitenin'ao atao izany.

#### sy andevo intsony ianao ... mpandova amin'ny alalan'Andriamanitra ihany koa ianao

Miresaka amin'ireo mpamaky toy ny hoe amin'olona iray ihany i Paoly.

#### mpandova

Ireo olona izay nanaovan'Andriamanitra ny fampanantenana eto dia resahina toy ny handova tany sy harena avy amina olona iray ao amin'ny fiankaviana.

### Galatians 4:8

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampatsiahy ireo mpino Galatiana i Paoly fa miezaka ny hiaina ao ambanin'ny lalàn'Andriamanitra indray izy ireo fa tsy miaina amin'ny finoana.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Manohy mananatra ireo Galatiana amin'ny alalan'ny fanontaniana fampisainana izy.

#### ireo izay

"ireo zavatra izay" na "ireo fanahy izay"

#### fantatr'Andriamanitra ianareo

Azo adika hoe DH: "Mahalala anareo Andriamanitra"

#### ka ahoana no hiverenanareo amin'ny ... tsy misy dikany?

Ity no voalohany amin'ireo fanontaniana fampisainana anankiroa. DH: "tsy tokony hiverina amin'ny ... tsy misy dikany."

#### abidim-pianarana

Adikao araaka ny fomba nandikan'ao izany ao amin'ny 4:3.

#### Te ho andevozina indray ve ianareo?

Azo adika ho teny tsotra io fanontaniana io. DH: "Tsy tokony ho te andevozina indray ianareo!" na "Toa te ho andevozina indray ianareo."

### Galatians 4:10

#### Mandinika ireo andro sy ireo volana ary ireo vanim-potoana sy ireo taona ianareo!

I Paoly dia miresaka ny amin'ny fitandreman'izy ireo mba hankalaza fotoana sasantsasany, amin'ny fiheverana fa ny fanaovana izany no hanamarina azy ireo eo amin'Andriamanitra.

#### ho zava-poana

"ho tsy misy dikany" na "tsy hisy fiantraikany"

### Galatians 4:12

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia mampatsiahy ireo mpino Galatiana ny amin'ny fandraisan'izy ireo azy tamin'ny hatsaram-panahy tamin'ny naha-teo amin'izy ireo azy, ary

mampahery azy ireo mba hatoky azy hatrany rehefa tsy eo amin'izy ireo izy.

#### **Miangavy**

Eto izany dia midika fangatahana na fandrisihana mafy. Tsy ilay teny fampiasa amin'ny fangatahana vola na sakafo na zavatra mivaingana io.

#### **rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

#### **Tsy nanao ratsy tamiko ianareo**

Azo adika hoe DH: "noraisinareo tsara aho" na "noraisinareo araka ny tokony nataonareo aho"

#### **Na dia nitondra anareo tamin'ny fakam-panahy aza ny toe-batako**

"Na dia sarotra taminareo aza ny nahita ahy narary ara-batana tahaka ireny"

#### **nanao tsinontsinona**

"nankahala mafy"

### **Galatians 4:17**

#### **hitaona anareo**

"handresy lahatra anareo hikambana amin'izy ireo"

#### **hanidy anareo any ivelany**

"hanidy anareo lavitra anay" na "hampitsahatra anareo tsy hanaiky anay"

#### **hanana zotom-po ho azy ireo**

"hazoto hanao izay asain'izy ireo ataonareo"

### **Galatians 4:19**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Milaza amin'ireo mpino i Paoly fa ny fahasoavana sy ny lalàna dia tsy afaka miara-miasa.

#### **Ry zanako**

Io dia sarin-teny ilazana ny mpianatra na mpanaradia. DH: "Ianareo dia mpianatro nohon'ny amiko"

#### **mbola mijaly amin'ny fanaintainan'ny fiterahana ho anareo indray aho mandra-piforon'i Kristy ao aminareo**

Mampiasa ny fiterahana ho sarin-teny anehoana ny fiahiany ny amin'ireo Galatiana i Paoly. DH: "Marary toy ny hoe vehivavy hiteraka anareo aho, ary mbola hanaintaina hatrany mandra-pifehin'i Kristy tanteraka anareo"

### **Galatians 4:21**

#### **Teneno amiko**

"Te hametraka fanontaniana aho" na "Te hilaza zavatra aminareo aho"

#### **moa tsy mihaino ny lalàna ve ianareo?**

Manao fampidirana izay ho lazainy manaraka i Paoly. DH: "mila mianatra izay tena lazain'ny lalàna ianareo" na "mamela ahy hilaza aminareo izay ambaran'ny lalàna marina"

### **Galatians 4:24**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka milaza tantara i Paoly mba hanehoana fahamarinana iray \_ fa tsy afaka miara-miasa ny lalàna sy ny fahasoavana.

#### **Ireo zavatra ireo dia azo raisina ho toy ny fanoharana**

"Ity tantaran'ny zanaka lahy anankiroa ity dia toy ny kisarisarin'izay ho lazaiko aminareo"

#### **toy ny fanoharana**

Ny "fanoharana" dia tantara ary ny olona sy ny zavatra ao amin'izany dia maneho zavatra hafa. Ao amin'ny fanoharan'i Paoly, ireo vehivavy noresahina tao amin'ny 4:21 dia maneho ny fanekem-pihavanana anankiroa.

#### **tendrombohitri'i Sinay**

Ny "Tendrombohitri'i Sinay" dia ilazana ny lalàna izy nomen'i Mosesy ireo zanak'Israely teo. DH: "Tendrombohitri'i Sinay, izay nanomezan'i Mosesy ny lalàna tamin'Israely"

#### **niteraka zaza izay andevo izy**

Raisin'i Paoly toy ny hoe olona ny lalàna. DH: "Ireo olona ambanin'izany fanekena izany dia toy ny andevo izay tsy maintsy mankatoka ny lalàna"

#### **maneho**

"dia kisarisarin'ny"

#### **satria nandevozina niaraka tamin'ireo zanany izy**

I Hagara dia andevo ary ireo zanany dia andevo miaraka aminy. DH: "Jerosalema, tahaka an'i Hagara, dia andevo, ary ireo zanany dia andevo miaraka aminy"

### **Galatians 4:26**

#### **afaka**

Eto ny hoe "afaka" dia midika hoe tsy voafatotra, tsy andevo.

#### **Mifalia**

"Miravoravao"

#### **ianao ry momba ... ianao izay tsy mijaly**

Eto ny "ianao" dia manondro ilay vehivavy momba.

### **Galatians 4:28**

#### **rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1 io.

#### **zanaky ny fampanantenana**

Ireo mety ho dikany dia lasa zanak'Andriamitra ireo Galatiana 1) tamin'ny finoana ny fampanantenan'Andriamanitra na 2) satria nanao fahagagana mba hanatanterahana ny fampanantenana tamin'i Abrahama Andriamanitra, voalohany tamin'izany ny fanomezana zanaka lahy an'i Abrahama ary ny manaraka dia ny fanaovana

ireo Galatiana ho zanak'i Abrahama ary noho izany dia zanak'Andriamanitra.

**araka ny nofo**

Maneho an'i Abrahama izay lasa rain'Ismaela tamin'ny fakana an'i Hagara ho vady io. DH: "tamin'ny alalan'ny asan'ny olombelona" na "nohon'ny nataon'ny olona"

**araka ny Fanahy**

"nohon'ny zavatra naton'ny Fanahy"

**Galatians 4:30**

**rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

**fa zanaky ny vehivavy afaka**

Azo fenoina ny teny izay tsy nampidirina tato. "fa kosa, zanaky ny vehivavy afaka isika"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika. Miorena tsara, noho izany, aza mety ho ao ambanin'ny ziogan'ny fanandevozana indray. <sup>2</sup> Indro, izaho, Paoly, miteny aminareo fa raha mamela ny tenanareo ho foraina ianareo, dia tsy hahasoa anareo amin'ny fomba rehetra Kristy. <sup>3</sup> Mijoro vavolombelona amin'ny olona tsirairay izay mamela ny tenany ho voafora indray aho fa voatery hanaraka ny lalàna rehetra izy. <sup>4</sup> Tafasaraka tamin'i Kristy ianareo, izay te ho hamarinina amin'ny lalàna; ary tsy miaina fahasoavana intsony ianareo. <sup>5</sup> Fa amin'ny alalan'ny Fanahy, amin'ny finoana, no hiandrasantsika fatratra ny fanantenana ny fahamarinana. <sup>6</sup> Ao amin'i Kristy Jesosy dia tsy midika na inona na inona na voafora na tsy voafora, fa ny finoana miasa amin'ny fitiavana ihany. <sup>7</sup> Fa nihazakazaka tsara ianareo. Iza no nisakana anareo amin'ny fankatoavana ny marina? <sup>8</sup> Izany fandresen-dahatra izany dia tsy avy aminy ilay niantso anareo. <sup>9</sup> Lalivay kely no mampitombo ny koba rehetra. <sup>10</sup> Fa matoky ny Tompo aho fa tsy handray fomba fijery hafa ianareo. Fa ny iray izay mampikorontana anareo no hanefa ny sazy, na iza izy na iza. <sup>11</sup> Ry rahalahy, raha mbola mitory ny amin'ny famorana aho, nahoana aho no mbola enjehina? Amin'izany dia ho afaka tokoa ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliana. <sup>12</sup> Fa ho an'ireo izay manakorontana anareo, enga anie ka hanapaka ny tenany izy ireo! <sup>13</sup> Fa nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo, ry rahalahy. Nefa aza ampiasaina ho irika amin'ny filan'ny nofo ny fahafahanareo; fa kosa, amin'ny alalan'ny fitiavana dia mifanompao. <sup>14</sup> Fa ny lalàna rehetra dia tanteraka ao amin'ny didy iray; ao amin'ny hoe: "Tsy maintsy mitia ny namanao tahaka ny tenanao ianao." <sup>15</sup> Fa raha mifanaikitra sy mifampihinana ianareo, dia mitandrema sao hifandringana. <sup>16</sup> Fa hoy aho, mandehana araka ny Fanahy dia tsy hahatanteraka izay filan'ny nofo ianareo. <sup>17</sup> Fa manohitra ny Fanahy ny filan'ny nofo, ary manohitra ny filan'ny nofo ny fanirian'ny Fanahy. Fa mifanohitra ireo, mba tsy hahafahanareo manao izay zavatra tianareo. <sup>18</sup> Fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo dia tsy ho ambanin'ny lalàna. <sup>19</sup> Ankehitriny dia miharihary ny asan'ny filan'ny nofo: fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, <sup>20</sup> fanompoan-tsampy, famosaviana, fankahalana, fifandirana, fahasaratam-piaro, fipoahan'ny fahatezerana, fifandrafiana, fisaraham-bazana, fizarazarana, <sup>21</sup> fialonana, fahamamoana, fanakorontanana, ary ny zavatra mitovy amin'izany. Mampitandrina anareo aho, tahaka ny efa nampitandremako anareo taloha, fa tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra ireo izay mampihatra ireo zavatra ireo. <sup>22</sup> Fa ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharetana, hatsaram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana, <sup>23</sup> fahalemam-panahy, ary fahafehezan-tena; tsy misy lalàna manohitra zavatra tahaka izany. <sup>24</sup> Ireo izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny toetra feno fahotany niaraka tamin'ny fahafinaretany sy ny filany. <sup>25</sup> Raha miaina amin'ny Fanahy isika, aoka handeha amin'ny Fanahy ihany koa. <sup>26</sup> Aoka isika tsy ho lasa mpieboebo, mifandrangitra, ary mifampialona.

### Galatians 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampihatra ilay fanoharana i Paoly amin'ny fampatsiahivana ireo mpino mba hampiasa ny fahafahan'izy ireo ao amin'i Kristy satria ny lalàna rehetra dia tanteraka amin'ny fitiavana ny mpiara-belona tahaka ny tena.

#### Ho amin'ny fahafahana no

Mila manindry ny hoe "fahafahana" izay mifanohitra amin'ny fanandevozana noresahina tao amin'ny andininy teo aloha ny dikan-teny eto.

#### Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika

"Mba ho afaka isika no antony nanafahan'i Kristy antsika"

#### Miorena tsara

Ny fiorenana tsara eto dia maneho ny fahatapanan-kevitra ny tsy hiova. Azo atao mazava kokoa ny fomba tsy hiovan'izy ireo. DH: "Aza milavo lefona

amin'ireo fandresen-dahatry ny olona izay mampianatra zavatra hafa" na "aoka ho tapa-kevitra ny hijanona ho afaka"

#### raha mamela ny tenanareo ho foraina ianareo

Mampiasa ny famorana i Paoly ilazana ny fomba fivavahana Jiosy. DH: "raha miverina amin'ny fomba fivavahana Jiosy ianareo"

### Galatians 5:3

#### Mijoro vavolombelona

"manambara" na "ho vavolombelona"

#### amin'ny olona tsirairay indray aho izay mamela ny tenany ho voafora

Mampiasa ny famorana i Paoly mba hilazana ny maha-Jiosy. DH: "ho an'ny olona rehetra izay lasa Jiosy"

#### voatery

"voafatotra" na "andevozina"

**Tafasaraka tamin'i Kristy ianareo**

"Natsahatrarao ny fifandraisanareo tamin'i Kristy"

**izay te ho hamarinina amin'ny alalan'ny lalàna**

Miresaka amin'ny fomba misy eso i Paoly eto. Ny tena marina dia mampianatra izy fa tsy misy Jiosy voamarina amin'ny fiezahana hanao ny asa izay takian'ny lalàna. DH: "ianareo rehetra izay mihevitra fa afaka ny ho voamarina amin'ny fanaovana ny asa izay takian'ny lalàna" na "ianareo izay te ho voamarina amin'ny lalàna"

**tsy miaina fahasoavana intsony ianareo**

Azo azavaina kokoa hoe avy amin'iza izany fahasoavana izany. DH: "Tsy haneho fahasoavana aminareo Andriamanitra"

**Galatians 5:5****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe "isika" dia manondro an'i Paoly sy ireo izay manohitra ny famorana ny Kristiana. Mety ho ampidiriny ao anatin'izany ireo Galatiana.

**Fa**

"Satria"

**amin'ny finoana, no hiandrasantsika fatratra ny fanantenana ny fahamarinana**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Miandry ny fanantenana ny fahamarinana amin'ny finoana isika" na 2) "miandry ny fanantenana ny fahamarinana izy tonga amin'ny alalan'ny finoana isika."

**no hiandrasantsika fatratra ny fanantenana ny fahamarinana**

"miandry am-paharetana sy am-pientanam-po an'Andriamanitra hanamarina antsika eo aminy mandrakizay isika, ary manantena Azy hanao izany"

**na voafora na tsy voafora**

Fomba ilazana ny Jiosy na ny tsy Jiosy io. DH: "na ny Jiosy na ny tsy Jiosy"

**fa ny finoana miasa amin'ny fitiavana ihany**

"fa kosa, Andriamanitra dia miahay ny amin'ny finoantsika Azy, izay asehontsika amin'ny fitiavana ny hafa"

**tsy midika na inona na inona**

"tsy misy dikany"

**nihaazakazaka tsara ianareo**

"Nampihatra izay nampianarin'i Jesosy ianareo"

**Izany fandresen-dahatra izany dia tsy avy aminy ilay niantso anareo**

"Ilay mandresy lahatra anareo mba hanao izany, dia tsy Andriamanitra, ilay iray izay miantso anareo"

**ilay niantso anareo**

Azo atao mazava kokoa ilay hiantsoany azy ireo. DH: "ilay iray izay miantso anareo ho olony"

**fandresen-dahatra**

Ny mandresy lahatra olona iray dia manova izay hinoany mba hiasany amin'ny fomba hafa.

**Galatians 5:9****tsy handray fomba fijery hafa ianareo**

"tsy hino izay zavatra rehetra hafa amin'izay lazaiko aminareo ianareo"

**Fa ny iray izay mampikorontana anareo no hanefa ny sazy**

"Ho faizin'Andriamanitra ilay iray izay mampikorontana anareo"

**mampikorontana anareo**

"mahatonga anareo hisalasala ny amin'ny fahamarinana" na "mampitombo ny fikorotanana eo aminareo"

**na iza izy na iza**

Ireo mety ho dikany dia 1) Tsy fantatr'i Paoly ny anaran'ireo olona izay milaza amin'ireo Galatiana fa mila mankatoa ny lalàn'i Mosesy izy ireo na 2) Tsy tian'i Paoly hiraharaha ireo Galatiana na manan-karena na mahantra, na lehibe na kely, na mpivavaka na tsy mpivavaka ireo izay "mampikorontana" azy ireo.

**Galatians 5:11****Ry rahalahy, raha mbola manambara famorana aho, nahoana aho no mbola enjehina?**

Mamaritra toe-javatra izay tsy misy i Paoly mba hanindriana fa manenjika azy ny olona satria tsy mitory ny amin'ny tokony hahatongavan'ny olona ho Jiosy izy. DH: "Ry rahalahy, hitanareo fa tsy mbola mitory ny amin'ny famorana ihany aho satria manenjika ahy ireo Jiosy."

**rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

**Amin'izany dia ho afaka tokoa ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliana**

Mamaritra zava-mitranga izay tsy misy i Paoly mba hanindriana fa manenjika azy ny olona satria tsy mitory ny amin'ny famelan'Andriamanitra ireo olona nohon'ny asan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana izy.

**Amin'izany**

"Raha mbola niteny aho fa mila miova ho Jiosy ny olona"

**afaka tokoa ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliana**

Azo atao hoe DH: "tsy misy vato fanafintohinana ny fampianarana momba ny hazofijaliana" na "tsy misy na inona na inona ao amin'ny fampianarana izay mahatonga ny olona ho tafintohina"



**afaka tokoa ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliana**

Ny fahatafintohinana dia anehoana ny fahotana, ary ny vato fanafintohinana dia ilazana zavatra izay mitarika fahotana ho an'ny olona. Eto amin'ity toe-javatra ity ny fahotana dia ny fandàvana ny fahamarinan'ny fampianarana hoe, mba ho marina eo amin'Andriamanitra, dia mila mino ny olona fa maty ho antsika teo amin'ny hazofijaliana i Jesosy. DH: "nesorina ny fampianarana momba ny hazofijaliana izay mitarika ny olona handà ny fahamarinana" na "tsy misy na inona na inona ao amin'ny fampianarana momba ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana izay mety hitarika ny olona handà ny fampianarana"

**hanapaka ny tenany izy ireo**

Ireo mety ho dikany dia 1) ara-bakiteny, manapaka ny taovam-pananahan'izy ireo mba ho tonga ionoka na 2) sarin-teny, hiala tanteraka amin'ny vondrona Kristiana,.

**Galatians 5:13****Fa**

Manome ny anton'ireo teniny tao amin'ny 5:11 i Paoly.

**nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo**

Azo atao hoe DH: "Niantso anareo ho amin'ny fahafahana Andriamanitra"

**nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Nifidy anareo ho olony Andriamanitra mba ho afaka ianareo" na 2) Nandidy anareo ho afaka Andriamanitra"

**rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

**irika amin'ny filan'ny nofo**

Ny fandraisan'ny irika sy ny toetra feno fahotana dia azo adika mazava. DH: "irika ho anareo mba hiaina araka ny toetra feno fahotanareo"

**Fa ny lalàna rehetra dia tanteraka ao amin'ny didy iray**

Ireo mety ho dikany dia 1) "azo ambara amin'ny didy iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao" na 2) "amin'ny fankatoavana ny didy anankiray, dia mankatoka ny didy rehetra ianareo, ary izany didy iray izany dia izao"

**Galatians 5:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava ny fomba hananan'ny Fanahy fahefana eo amin'ny fahotana i Paoly.

**mandehana araka ny Fanahy**

Ny fandehanana dia sarin-teny maneho ny fiainana. DH: "ento amin'ny herin'ny Fanahy Masina ny fiainanareo" na "hiaino amin'ny fiankinana amin'ny Fanahy ny fianinanareo"

**dia tsy hahatanteraka izay filan'ny nofo ianareo**

Ny andian-teny hoe "ahatanteraka ny filan'ny nofo" dia fomba fiteny izay midika hoe "manao izy irian'ny olona iray." DH: "Tsy hanao ny filana feno fahotan'ny nofonareo ianareo"

**izay filan'ny nofo**

Eto ny filan'ny nofo dia resahina toy ny olona izay te hanota. DH: "izay tianareo ho atao nohon'ny filan'ny nofonareo" na "ireo zavatra tianareo ho atao satria feno fahotana ianareo"

**tsy ho ambanin'ny lalàna**

"tsy voatery hankatoa ny lalàn'i Mosesy"

**Galatians 5:19****ny asan'ny filan'ny nofo**

Ny teny hoe "asa" dia azo adika ho matoanteny "manao." DH: "izy ataon'ny filan'ny nofo"

**ny asan'ny filan'ny nofo**

Eto ny filan'ny nofo dia resahina toy ny olona izay te hanota. DH: "izay tianareo ho atao nohon'ny filan'ny nofonareo" na "ireo zavatra tianareo ho atao satria feno fahotana ianareo"

**handova**

Ny fandraisana izay nampanantenain'Andriamanitra ireo mpino dia ambara tahaka ny fandovana tany sy harena avy amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana.

**Galatians 5:22****Fa ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana ... fahafehezan-tena**

Mampiasa ny vokatry ho sarin-teny ilazana izay hitan'ny olona eo amin'ny olona hafa i Paoly. DH: "ny olona izay tarihin'ny Fanahy dia hampibaribary fitiavana ... fahafehezan-tena toy y hazo izay mamokatra voa"

**nanombo ny toetra feno fahotany niaraka tamin'ny fahafinaretany sy ny filany**

Miresaka momba ireo kristiana izay tsy manaiky ny hiaina araka ny toetra feno fahotan'izy ireo toy ny hoe olona izay novonoina teo amin'ny hazofijaliana i Paoly. DH: "tsy manaiky ny hiaina araka ny toetra feno fahotana miaraka amin'ny fahafinaretany sy ny filany, toy ny hoe novonoin'izy ireo teo amin'ny hazofijaliana izany"

**ny toetra feno fahotany niaraka tamin'ny fahafinaretany sy ny filany**

Ny toetra feno fahotana dia ambara toy ny olona izay manana fahafinaretana sy filana. DH: "ny toetra feno fahotan'izy ireo, ary ireo zavatra tian'izy ireo hatao mafy dia mafy nohon'ny amin'izany"

**Galatians 5:25**

**Raha miaina amin'ny Fanahy isika**

"Satria nahatonga antsika ho velona ny  
Fanahin'Andriamanitra"

**handeha amin'ny Fanahy ihany koa**

Ny "handeha" dia sarin-teny ilazana ny fiainana  
isan'andro. DH: "hamela ny Fanahy Masina hitarika  
antsika mba hanaovantsika ireo zavatra izay  
ankasitrahana sy manome voninahitra  
an'Andriamanitra"

**Aoka**

"Tokony"

---

## Chapter 6

<sup>1</sup> Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota, ianareo izay ara-panahy no tokony hamerina azy indray amin'ny fahamoram-panahy. Mihevera ny tenanao, mba tsy ho halaim-panahy koa ianao. <sup>2</sup> Mifampitondrà ny mavesatra, ary amin'izany dia tanteraho ny lalàn'i Kristy. <sup>3</sup> Fa raha misy olona mihevitra ny tenany ho zavatra kanefa tsinotsinona, dia mamitaka ny tenany izy. <sup>4</sup> Tokony handinika ny asany avy ny tsirairay, mba ho amin'ny tenany ihany ny antony hireharehany fa tsy amin'ny olon-kafa. <sup>5</sup> Fa samy hitondra ny entany avy ny olona tsirairay. <sup>6</sup> Ny olona izay nampianarina ny teny dia tsy maintsy mizara ny zavatra tsara rehetra amin'izay mampianatra. <sup>7</sup> Aza mety ho fitahana. Tsy azo vazivaziana Andriamanitra, fa izay rehetra ambolon'ny olona, no ho jinjainy koa. Ho an'izay mamboly voa amin'ny toetrany feno fahotana, dia avy amin'izany no hijinjany fahasimbana. <sup>8</sup> Izay mamboly voa amin'ny Fanahy, amin'ny Fanahy no hijinjany ny fiainana mandrakizay. <sup>9</sup> Aoka isika mba tsy ho reraka amin'ny fanaovan-tsoa, fa hijinja ny vokatra isika amin'ny fotoana mety, raha tsy milavo lefona isika. <sup>10</sup> Koa noho izany, satria manana fahafahana isika, dia aoka hanao ny tsara amin'ny olona rehetra, indrindra fa amin'ny fianakavian'ny finoana. <sup>11</sup> Jereo ny halehiben'ny soratra izay nosoratan'ny tanako ho anareo. <sup>12</sup> Ireo izay te hiseho ho tsara ao amin'ny nofo no miezaka manery anareo mba hoforaina. Manao izany izy ireo mba hialana amin'ny fanenjehana nohon'ny amin'ny hazofijalian'i Kristy. <sup>13</sup> Na ireo izay tsy voafora aza dia tsy mitandrina ny lalàna, nefa tian'izy ireo hoforaina ianareo mba hireharehan'izy ireo amin'ny nofonareo. <sup>14</sup> Nefa tsy hirehareha na oviana na oviana afa-tsy ny amin'ny hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompontosika anie aho, izay nanomboana an'izao tontolo izao teo amiko, ary izaho kosa teo amin'izao tontolo izao. <sup>15</sup> Fa ny famorana na ny tsy famorana dia samy tsy misy dikany, fa ny fiainam-baovao no misy dikany. <sup>16</sup> Ho an'ny ireo rehetra izay miaina araka izany fomba izany, dia ho amin'izy ireo anie ny fiadanana sy ny famindram-po, na amin'ny Israelin'Andriamanitra aza. <sup>17</sup> Manomboka izao dia aoka tsy hisy hanadala ahy, fa mitondra ireo marik'i Jesosy eo amin'ny vatako aho. <sup>18</sup> Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontosika, ry rahalahy. Amena.

### Galatians 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampianatra ireo mpino ny amin'ny fomba tokony hitondran'izy ireo ny mpino hafa sy famalian'Andriamanitra fitia i Paoly.

#### Ry rahalahy

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

#### raha misy olona

"raha misy na iza na iza eo aminareo"

#### azon'ny ota

Ireo mety ho dikany dia 1) nisy olona nahatratra izay olona izany nanao izany: "tratra teo ampanotana," na 2) nanota fa tsy nanana eritreritra ny hanao ratsy izany olona izany: "nilavo lefona ka nanota"

#### ianareo izay ara-panahy

"ireo sasany aminareo izay tarihin'ny Fanahy" na "ianareo izay miaina amin'ny fitarihan'ny Fanahy"

#### hamerina azy

"hanitsy izany olona nanota izany" na "hananatra ilay olona nanota mba hiverina amin'ny fifandraisana tsara amin'Andriamanitra"

#### amin'ny fahamoram-panahy

Ireo mety ho dikany dia 1) manoro lalana ilay manome fananarana ny Fanahy na 2) "amin'ny toetra feno fahamoram-panahy" na "amin'ny fomba tsara fanahy"

#### Mihevera ny tenanao

Ireo teny ireo dia mandray ireo Galatiana rehetra toy ny olona iray ihany mba hanindriana fa izy dia miresaka amin'ny tsirairay amin'izy ireo. DH: "Mihevera-tena" na "Milaza amin'ny tsirairay aminareo aho: 'hevero ny tenanareo'"

#### mba tsy ho halaim-panahy koa ianao

Azo atao hoe DH: "mba tsy hisy haka fanahy anareo hanota ihany koa"

### Galatians 6:3

#### Fa

"Satria." Ny teny manaraka eo dia ny antony tokony 1) "hifampitondrana ny mavesatra" (6:1) na 2) hitandremana mba tsy ho azon'ny fakam-panahy 96:1) na 3) "mba tsy hanjary hieboebo" (5:1).

#### ny tenany ho zavatra

"olona manan-danja izy" na "tsara mihoatra ny hafa izy"

**tsinotsinona**

"olona tsy misy lanja izy" na "ratsy mihoatra ny hafa izy"

**Tokony ... ny tsirairay**

Tokony ... ny olona tsirairay"

**samy hitondra ny entany avy ny olona tsirairay**

"ny olona tsirairay dia ho tsaraina amin'ny asany ihany" na "ho tompon'andraikitra amin'ny asany ihany ny olona tsirairay"

**ny olona tsirairay**

"ny tsirairay"

**Galatians 6:6****teny**

Eto izany dia ilazana ny zavatra rehetra nolazain'Andriamanitra na nandidiany, toy ny hoe "tenin'Andriamanitra" na "ny tenin'ny fahamariana"

**izay rehetra ambolen'ny olona, dia ho jinjainy koa**

Ny fambolena dia maneho fanaovana zavatra izay miafara amina vokatra, ary ny fijinjana dia anehoana ny fiainana ny vokatry ny natao. DH: "tahaka ny hijinjan'ny mpamboly ny vokatry ny voa izay namboleny, dia hiaina ny vokatr'izay rehetra ataony toy izany koa ny olon-drehetra"

**mamboly voa amin'ny toetrany feno fahotana**

"mamboly voa araka ny toetrany feno fahotana." Io dia ilazana ny fanaovana izay tiany hatao nohon'ny toetrany feno fahotana. DH: "mamboly voa araka izay tiany nohon'ny toetrany feno fahotana" na "manao ireo zavatra tiany atao nohon'ny toetrany feno fahotana"

**avy amin'izany no hijinjany fahasimbana**

"dia hahazo famaizana noho izay vitany"

**mamboly voa amin'ny Fanahy**

"manao ireo zavatra tian'ny Fanahin'Andriamanitra"

**amin'ny Fanahy no hijinjany ny fiainana mandrakizay**

"dia handray ny fiainana mandrakizay ho valim-pitia avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra"

**Galatians 6:9****Aoka isika mba tsy ho reraka amin'ny fanaovan-tsoa**

"tokony hanohy hanao soa hatrany isika"

**fanaovan-tsoa**

hanao soa amin'ny hafa hahatsara azy ireo

**amin'ny fotoana mety**

"fa amin'ny fotoana voatendry" na "satria amin'ny fotoana voafidin'Andriamanitra"

**Koa noho izany**

"vokatr'izany"

**ireo fianakavian'ny finoana**

"ireo izay isan'ny fianakavian'Andriamanitra amin'ny finoana an'i Kristy"

**Galatians 6:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eo am-pamaranan'i Paoly ny taratasiny, dia manao fampatsiahivana iray hafa izy fa ny lalàna dia tsy mamonjy ary tokony hahatsiaro ny hazofijalian'i Kristy izy ireo.

**halehiben'ny soratra**

Mety midika izany fa i Paoly dia te hanindry ny amin'ny 1) filazana izay manaraka eo na 2) hoe avy aminy ity taratasy ity.

**nosoratan'ny tanako**

Ireo mety ho dikany dia 1) Mety nanana mpanampy izay nanoratra ny ankamaroan'ireo taratasiny i Paoly ary i Paoly no nilaza taminy izay ho soratana, saingy i Paoly mihitsy no naoratra io ampahany farany amin'ny taratasy io na 2) I Paoly mihitsy no nanoratra ny taratasy.

**hiseho ho tsara**

"mahatonga ny hafa hihevitra tsara momba azy ireo" na "mahatonga ny hafa hihevitra fa olona tsara izy ireo"

**ao amin'ny nofo**

"amin'ny porofo hita maso" na "amin'ny fiezahan'izy ireo manokana"

**manery**

"misarika mafy"

**mba hialana amin'ny fanenjehana nohon'ny amin'ny hazofijalian'i Kristy**

"mba tsy hanenjika azy ireo ny olona nohon'ny filazana fa ny hazofijalian'i Kristy irery ihany no mamonjy ny olona.

**hazofijalian'i**

Ny hazofijaliana eto dia maneho izay nataon'i Kristy ho antsika tamin'ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana. DH: "ny asa vitan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana" na "ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty"

**tian'izy ireo**

"tian'ireo olona manosika anareo mba ho foraina"

**mba hireharehan'izy ireo amin'ny nofonareo**

"mba hirehareha izy ireo fa nanampy anareo tao amin'ireo olona izay miezaka ny hihazona ny lalàna"

**Galatians 6:14**

**Nefa tsy hirehareha na oviana na oviana afa-tsy ny amin'ny hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompontosika anie aho**

"tsy te hirehareha ny amin'ny inona na inona mihitsy aho afa-tsy ny hazofijaliana" na "Amin'ny hazofijaliana ihany anie no hireharehako"

**nanomboana an'izao tontolo izao teo amiko**

Azo atao hoe DH: "heveriko ho toy ny efa maty izao tontolo izao" na "raisiko toy ny jiolahy novonoin'Andriamanitra teo amin'ny hazofijaliana izao tontolo izao"

**ary izaho kosa teo amin'izao tontolo izao**

Ny teny hoe "nomboana" dia efa fantatra teo amin'ny fehezanteny to alohan'io. DH: "ary izaho nomboana teo amin'izao tontolo izao"

**ary izaho kosa teo amin'izao tontolo izao**

Ireo mety ho dikany dia 1) "mihevitra ahy ho toy ny efa maty izao tontolo izao" na 2) "raisin'izao tontolo izao tahaka ny jiolahy novonoin'Andriamanitra teo amin'ny hazofijaliana aho"

**izao tontolo izao**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny olona eo amin'izao tontolo izao, ireo izay tsy miraharaha an'Andriamanitra na 2) ireo zavatra izay heverin'ireo izay tsy miraharaha an'Andriamanitra ho manan-danja.

**misy dikany**

"manan-danja amin'Andriamanitra"

**fiainam-baovao**

Ireo mety ho dikany dia 1) mpino vaovao ao amin'i Jesosy Kristy na 2) ny fiainam-baovaoan'ny mpino iray.

**amin'izy ireo anie ny fiadanana sy ny famindram-po, na amin'ny Israelin'Andriamanitra aza**

Ireo mety ho dikany dia 1) ireo mpino amin'ny ankapobeny no Israelin'Andriamanitra na 2)

"fiadanana sy famindram-po anie ho amin'ireo mpino Jentilisa ao Israely" na 3) "ho amin'ireo manaraka ny fitsipika anie ny fiadanana, ary ho amin'ny Israelin'Andriamanitra anie ny famindram-po"

**Galatians 6:17**

**Manomboka izao**

Azo atao koa hoe "Farany" na "Eto am-pamaranana ity taratasy ity."

**aoka tsy hisy hanadala ahy**

Ireo mety ho dikany dia 1) Mandidy ireo Galatiana mba tsy hanadala azy i Paoly, "Mandidy anareo izao aho: aza manadala ahy," na 2) Milaza amin'ireo Galatiana izy fa mandidy ny olona rehetra mba tsy hanadala Azy: "Mandidy ny olona rehetra izao aho: Aza manadala ahy," na 3) Maneho faniriana i paoly: "Tsy tiako hisy hanadala ahy."

**hanadala ahy**

Ireo mety ho dikany dia 1) "hiresaka amiko momba ireo zavatra ireo" na 2) "hahatonga zava-tsarotra amiko" na "hanome asa mafy ho ahy"

**fa mitondra ireo marik'i Jesosy eo amin'ny vatako aho**

"Misy fery efa sitrana eo amin'ny vatako nohon'ny fanompoako an'i Jesosy" na "mbola manana ny marik'ireo fery sitrana eo amin'ny vatako aho satria an'i Kristy"

**marik'i**

Ireo mety ho dikany dia 1) holatra avy tamin'ny fery niaretan'ny miaramila iray tamin'ny ady na mpanompo nanao asa loza be na 2) marika famantarana ny andevo.

**Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasovan'i Jesosy Kristy Tompontosika**

"Mivavaka aho mba ho tsara amin'ny fanahinareo ny Tompo Jesosy"

**rahalahy**

Adikao araka ny ao amin'ny 1:1.

## Book: Ephesians

### Ephesians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araka ny sitrapon'Andriamanitra, ho an'ireo olo-masin'Andriamanitra any Efesosy, izay mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>2</sup><sup>[1]</sup> Ho aminareo ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>3</sup> Deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy tamin'ny fitahim-panahy rehetra avy any an-danitra ao amin'i Kristy. <sup>4</sup> Andriamanitra nifidy antsika tao aminy hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany isika. <sup>5</sup> Andriamanitra dia nisafidy antsika mialoha ho amin'ny fananganana ho zanaka tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka ny sitrapony. <sup>6</sup> Ny fananganana antsika dia mitondra amin'ny fiderana ny fahasoavany be voninahitra izay nomeny antsika maimaimpoana tao amin'ilay Iray izay tiany. <sup>7</sup> Ao amin'i Jesosy Kristy dia mahazo fanavotana amin'ny ràny sy ny famelaneloka isika, araka ny harem-pahasoavany. <sup>8</sup> Narotsany tamintsika tamin'ny fahendrena sy fahalalana rehetra izany fahasoavana izany. <sup>9</sup> Nataon'Andriamanitra fantatra tamintsika ny zava-miafin'ny sitrapony, araka izay tiany, sy izay nasehony tao amin'i Kristy, <sup>10</sup> niaraka tamin'ny fandaharana iray amin'ny fahafenoan'ny fotoana, hanangonana ny zavatra rehetra, ety an-tany sy any an-danitra, ho loha iray, na Kristy aza. <sup>11</sup> Ao amin'i Kristy dia voatendry ho mpandova isika. Nofidiana mialoha araka fandaharan'ilay mampiasa ny zavatra rehetra araka ny tanjon'ny sitrapony isika. <sup>12</sup> Andriamanitra nanendry antsika ho mpandova mba ho isika no manana fahatokiana voalohany ao amin'i Kristy, mba ho fiderana ny voninahiny isika. <sup>13</sup> Tao amin'i Kristy, ianareo koa, rehefa naheno ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsaran'ny famonjena anareo, dia nino Azy ianareo ary voatomboka tamin'ilay Fanahy Masina nampanantenaina, <sup>14</sup> izay antoka ho an'ny lovantsika mandra-pahazoantsika tanteraka izany, ho fiderana ny voninahiny. <sup>15</sup> Noho izany antony izany, hatramin'ny nahenoako ny finoanareo ny Tompo Jesosy ary ny fitiavanareo ireo olo-masiny rehetra, <sup>16</sup> dia tsy nitsahatra ny nisaotra an'Andriamanitra aho noho ny aminareo ary tsaroako am-bavaka ianareo. <sup>17</sup> Mivavaka aho mba ny Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontosika, ilay Rain'ny voninahitra, hanome anareo ny fanahin'ny fahendrena sy fanambarana amin'ny fahalalana Azy. <sup>18</sup> Mivavaka aho mba hanazavana ny mason'ny fonareo, mba hahafantaranareo ny toky izay niantsoany anareo sy ny haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ireo olo-masin'Andriamanitra rehetra. <sup>19</sup> Ao amin'ny fivavako dia mangataka aho mba hahafantaranareo ny fihooan'ny halehiben'ny heriny ao amintsika izay mino, araka ny fiasan'ny heriny lehibe. <sup>20</sup> Izany hery izany ihany no nampiasain'Andriamanitra tao amin'i Kristy rehefa natsangany tamin'ny maty Izy ary napetrany teo an-tanany ankavanana tany an-danitra. <sup>21</sup> Kristy dia napetrany ho ambonin'ny lalàna sy ny fahefana ary ny hery sy fitsarana, ary ny anarana rehetra izay misy. Hanapaka Kristy, tsy ho amin'izao vanim-potoana izao ihany, fa ho amin'ny vanim-potoana ho avy koa. <sup>22</sup> Napetrak'Andriamanitra ho ao ambanin'ny tongotr'i Kristy avokoa ny zavatra rehetra ary natolony ho lohan'ny zavatra rehetra ao amin'ny fiangonana Izy. <sup>23</sup> Ny fiangonana no vatany, ilay fahafenoin'ilay mameno ny zavatra rehetra amin'ny endriny rehetra.

#### Footnotes

1:2 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Misy fandikana sasany manala ny hoe: "Ao Efesosy" saingy mety ao amin'ny taratasin'i Paoly tamin'ny voalohany izany.

#### Ephesians 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly dia ny manonona ny tenany ho mpanoratra ity taratasy ity ho an'ireo mpino ao amin'ny fiangonana ao Efesosy.

##### Paoly, apostolin'i ... ho an'ireo olo-masin' Andriamanitra any Efesosy

Ny fitenin'ao dia mety manana fomba manokana hampidirana ny mpanoratra ny taratasy sy ireo mpihaino izany. DH: "Izaho, Paoly, apostoly ... dia manoratra ity taratasy ity ho anareo, olo-masin' Andriamanitra ao Efesosy"

**izay mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy**

Ny "ao amin'i Kristy Jesosy" ary teny mitovitovy amin'izay dia fanoharana izay hita matetika ao amin'ireo taratasy ny Testamenta Vaovao. Ireo dia maneho ny karazana fifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy.

**Ho aminareo ny fahasoavana sy fiadanana**

Izany dia fiarahabana sy tso-drano mahazatra izay ampiasain'i Paoly foana ao amin'ny taratasy.

**Ephesians 1:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly manokatra ny taratasy amin'ny firesahana momban'ny toeran'ireo mpino sy ny fiarovana azy ireo eo anatrehan'Andriamanitra.

**Deraina anie ny Andriamanitra sy ny Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika**

DH: "Aoka isika hidera ilay Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika"

**izay nitahy antsika**

"satria Andriamanitra nitahy antsika"

**fitahim-panahy rehetra**

"ny fitahiana rehetra tonga avy any amin'ny Fanahin'Andriamanitra"

**any an-danitra**

"any amin'ny tontolo tsy hita maso." Ny teny hoe "lanitra" dia maneho ny toerana misy an'Andriamanitra.

**ao amin'i Kristy**

Ny "ao amin'i Kristy" ary teny mitovitovy amin'izay dia fanoharana izay hita matetika ao amin'ireo taratasy ny Testamenta Vaovao. Ireo dia maneho ny karazana fifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy.

**masina sy tsy manan-tsiny**

Paoly mampiasa teny roa mitovitovy mba hanamafisana ny hatsaram-panahy.

**Ephesians 1:5****Andriamanitra dia nisafidy antsika mialoha ho amin'ny fananganana ho zanaka**

Ny teny hoe "antsika" dia maneho an'i Paoly, ilay fianonana Efesiana, ary ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy. DH: "Efa hatry ny ela Andriamanitra no nanomana ny hanangana antsika ho zanaka"

**ho amin'ny fananganana ho zanaka**

Eto ny "manangana ho zanaka" dia maneho ny fametrahana ho ao amin'ny fianakavian' Andriamanitra"

**tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy**

Andriamanitra dia nitondra ireo mpino ho ao amin'ny fianakaviany tamin'ny alalan'ny asan'i Jesosy Kristy.

**ilay Iray izay tiany**

"ilay Iray izay tiany, dia Jesosy Kristy" na "ny Zanany lahy, izay tiany"

**Ephesians 1:7****harem-pahasoavany**

Paoly miresaka ny fahasoavan'Andriamanitra toy hoe harena ara-nofy izany. DH: "ny halehiben'ny fahasoavan'Andriamanitra" na "ny habetsaky ny fahasoavan'Andriamanitra"

**Narotsany tamintsika izany fahasoavana izany**

"Nomeny antsika io fahasoavana lehibe io" na "tsara fahany tamintsika Izy"

**tamin'ny fahendrena sy fahalalana rehetra**

Ireo dika azo heverina: 1) "satria nanana ny fahendrena sy ny fahazoana rehetra Izy" 2) "mba mety hanana fahendrena sy fahazoana lehibe isika"

**Ephesians 1:9****araka izay tiany**

Ireo dika azo heverina: 1) "satria tiany ampahafantarina antsika izany" 2) "izay tiany"

**sy izay nasehony tao amin'i Kristy**

"ary nasehony tao amin'i Kristy io tanjona io"

**tao amin'i Kristy**

"tamin'ny alalan'i kristy"

**niraka tamin'ny fandaharana iray**

Afaka atao fehezanteny vaovao eto. DH: "Nanao izany niraka tamin'ny fandaharana iray Izy" na "Nanao izany Izy, nieritreritra fandaharana iray"

**amin'ny fahafenoan'ny fotoana**

"amin'ny hoe rahoviana ny fotoana mety" na "amin'ny fotoana izay efa voatendriny"

**Ephesians 1:11****voatendry ho mpandova isika**

DH: "Andriamanitra dia nisafidy antsika ho mpandova"

**nofidiana mialoha isika**

"Andriamanitra nisafidy antsika taloha"

**mba ho isika no manana fahatokiana voalohany**

Eto ny teny hoe "isika" dia maneho an'ireo mpino Jiosy izay nandre ny vaovao mahafaly voalohany, fa tsy ireo mpino ao Efesosy.

**mba ho fiderana ny voninahiny isika**

"mba ho velona mba hidera Azy isika noho ny voninahiny"

**Ephesians 1:13****ary voatomboka tamin'ilay Fanahy Masina nampanantenaina**

Ny savoka dia napetaka tamin'ny taratasy ary nasiana famantarana maneho ilay olona nanoratra ny taratasy. Paoly mampiasa io fomba fanao io toy ny sary izay hampisehoana ny fomba nampiasan'Andriamanitra ny Fanahy Masina mba hanomezana antoka antsika fa Azy isika. DH: "Andriamanitra nanatomboka anareo tamin'ny Fanahy Masina izay nampanantenainy"

**antoka ho an'ny lovantika**

Ny fandraisana izay nampanantenain' Andriamanitra dia noresahina toy ny hoe olona iray mandova fananana na harena avy amin'ny mpikambana ao amin'ny fianakaviana. DH: "ny antoka fa handray izay nampanantenain' Andriamanitra isika"

**Ephesians 1:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly mivavaka ho an'ireo mpino Efesiana ary midera an'Andriamanitra nohon'ny hery izay ananan'ireo mpino tamin'ny alalan'i Kristy.

**tsy nitsahatra ny nisaotra an'Andriamanitra aho**

Paoly mampiasa "tsy nitsahatra" mba hanamafisana fa manohy misaotra an' Andriamanitra izy. DH: "Manohy misaotra an' Andriamanitra aho"

**Ephesians 1:17****fanahin'ny fahendrena sy fanambarana amin'ny fahalalana Azy**

"fahendrena ara-panahy mba hatakarana ny fanambarany"

**mba hanazavana ny mason'ny fonareo**

Ny "mason'ny fonareo" dia manambara ny fahaizan'ny tsirairay mahazo ny fahatakarana. DH: "mba hahazo fahazoana ary hazavaina ianareo"

**mba hanazavana ny mason'ny fonareo**

DH: "mba mety hanazavan'Andriamanitra ny fonareo" na "mba mety hanazavan'Andriamanitra ny fahatakaranareo"

**hanazavana**

"hampahiratana"

**lova**

Ny fandraisana izay nampanantenain' Andriamanitra ireo mpino, dia noresahina toy ny olona iray izay mandova ny fananana na harena avy amin'ny mpikambana iray ao amin'ny fianakaviana.

**ireo olo-masin'Andriamanitra rehetra**

DH: "ireo rehetra izay natokany ho an'ny tenany" na "ireo rehetra izay Azy manontolo"

**Ephesians 1:19****ny fihoraran'ny helehiben'ny heriny**

Ny herin'Andriamanitra dia lavitra mihoatra noho ny hery hafa rehetra.

**ny fiasan'ny heriny lehibe**

"ny heriny lehibe izay miasa ho antsika"

**natsangany tamin'ny maty Izy**

"nanangana Azy tamin'ny maty" na "namelona Azy indray"

**napetrany teo an-tanany ankavanana**

"nametraka an'i Kristy teo an-tanan'ankavanana' Andriamanitra" na "nametraka an'i Kristy teo amin'ny toeram-boninahitra"

**tany an-danitra**

"any amin'ny tontolo tsy hita maso." Ny teny hoe "lanitra" dia maneho ny toerana misy an'Andriamanitra. Jereo ny nanavanao ity tao amin'ny 1:3

**ambonin'ny lalàna sy ny fahefana ary ny hery sy fitsarana**

Ireto dia teny samihafa ho an'ny laharan'ireo tontolo tsy hita maso, na ny an'ny anjely na ny an'ny demony. DH: "'ambonin'ireo karazana tontolo tsy hita maso rehetra"

**ny anarana rehetra izay misy**

DH: 1) "ny anarana rehetra izay omen'ny olona" na 2) "ny anarana rehetra izay omen' Andriamanitra"

**anarana**

Ireo dika azo heverina: 1) fiantsoana na 2) toeram-pahefana.

**amin'izao vanim-potoana izao**

"amin'izao fotoana izao"

**amin'ny vanim-potoana ho avy**

"amin'ny ho avy"

**Ephesians 1:22****ao ambanin'ny tongotr'i Kristy avokoa ny zavatra rehetra**

Eto ny "tongotra" dia maneho ny fahefana sy herin'i Kristy. DH: "ao ambanin'ny herin'i Kristy ny zavatra rehetra"

**lohan'ny zavatra rehetra ... no vatany**

Tahaka ny amin'ny vatan'olombelona, ny loha no manapaka ny zavatra rehetra mahakasika ny vatana, noho izany Kristy no lohan'ny vatan'ny fiangonana.



**lohan'ny zavatra rehetra ao amin'ny fiangonana**

Eto ny "loha" dia maneho ny mpitarika na izay miandraikitra. DH: "mpanapaka ny zavatra rehetra ao amin'ny fiangonana"

**Ny fiangonana no vatany**

Ny fiangonana dia maneho ny vatan'i Kristy foana.

**ilay fahafenoan'ilay mameno ny zavatra rehetra amin'ny endriny rehetra**

"Kristy dia mameno ny fiangonana amin'ny ainy sy heriny toy ny hanomezany aina ny zavatra rehetra"

---

## Chapter 2

<sup>1</sup> Ary ny momba anareo, dia maty tao anatin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo ianareo. <sup>2</sup> Tao amin'ireny fahadisoana ireny no niainanareo taloha araka ny fomban'izao tontolo izao. Niaina araka ny mpanapaka ireo fahefana eny amin'ny rivotra ianareo, ilay fanahy izay miasa ao amin'ireo zanaky ny tsy fankatoavana. <sup>3</sup> Niaina teo amin'ireny olona ireny avokoa isika taloha, nanatanteraka ireo filan-dratsin'ny nofontosika, ary nanatanteraka ny fanirian'ny nofo sy ny saina. Efa voahary ho zanaky ny fahatezerana, toy ny zanak'olombelona sisa isika. <sup>4</sup> Saingy manan-karena famindram-po Andriamanitra noho ilay fitiavany lehibe izay nitiavany antsika. <sup>5</sup> Tamintsika mbola maty tao anatin'ny fahadisoana, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy \_ tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo. <sup>6</sup> Niara-natsangan'Andriamanitra isika, ary niara-napetrany tao an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy, <sup>7</sup> mba afahany mampiseho antsika amin'ny vanim-potoana ho avy ny halehiben'ny haren'ny fahasoavany izay tsy azo refesina asehony amin'ny hatsaram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>8</sup> Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alalan'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezan'Andriamanitra. <sup>9</sup> Tsy avy amin'ny asa ny fahasoavana mba tsy hisy hirehareha. <sup>10</sup> Fa asan'Andriamanitra isika, noforonina tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa izay fandaharan'Andriamanitra efa ela ho antsika, mba handehanantsika ao amin'ireo. <sup>11</sup> Noho izany tadidio fa Jentilisa tao amin'ny nofo ianareo taloha. Ianareo dia antsoina hoe "tsy voafora" eo amin'ireo izay antsoina hoe "voafora" ao amin'ny nofo nataon'ny tanan'olombelona. <sup>12</sup> Satria mbola tafasaraka tamin'i Kristy ianareo tamin'izany fotoana izany. Mpivahiny ianareo teo amin'ny vahoakan'ny Israely. Ary vahiny tamin'ny faneken'ny fampanantenana ianareo. Tsy mbola nanana fanantenana ny amin'ny ho avy ianareo. Tsy niaraka tamin'Andriamanitra ianareo teto amin'izao tontolo izao. <sup>13</sup> Fa ankehitriny ao amin'i Kristy Jesosy ianareo izay lavitra an'Andriamanitra taloha dia nampanakaikezina tamin'ny ran'i Kristy. <sup>14</sup> Satria Izy no fihavanantsika. Izy no nahatonga ny roa ho iray. Tamin'ny nofony no nandrodanany ny rindrin'ny fanoherana izay nampizarazara antsika. <sup>15</sup> Izany hoe, nofoanany ny lalàn'ny didy sy ny fitsipika mba hanaovany olom-baovao iray ao Aminy, sy mba hanaovana fampihavanana. <sup>16</sup> Kristy dia mampihavana ny vahoaka roa tonta ho vatana iray amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hazofijaliana, ka mamono ny fanoherana. <sup>17</sup> Fa tonga Jesosy ary nitory fihavanana ho anareo izay lavitra ary fihavanana ho an'ireo izay akaiky. <sup>18</sup> Fa amin'ny alalan'i Jesosy no hananantsika roa tonta fifandraisana amin'ny Fanahy iray mankany amin'ny Ray. <sup>19</sup> Noho izany, tsy vahiny sy mpivahiny intsony ianareo Jentilisa izao. Fa vao maika aza mpiray firenena miaraka amin'ireo izay olo-masin'Andriamanitra ianareo sady isan'ny ankohonan'Andriamanitra. <sup>20</sup> Efa naorina teo amin'ny fototra fanorenan'ireo apostoly sy ireo mpaminany ianareo, ary Kristy Jesosy mihintsy no vato fehizoro. <sup>21</sup> Ao Aminy no hikambanan'ny fanorenana rehetra ary hitomboany toy ny tempoly ao amin'ny Tompo. <sup>22</sup> Ao Aminy ihany no hananganana anareo miaraka ho fitoerana ho an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy.

### Ephesians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly mampatsiahy ireo mpino ny lasan'izy ireo sy ny fomba fiainan'izy ireo eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny.

#### maty tao anatin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo ianareo

Ity dia mampiseho ny tsy fahafahan'ny olona mankatoa an'Andriamanitra amin'ny maha-mpanota azy ireo tahaka ny olona maty tsy afaka mamaly ara-batana.

#### araka ny fomban'izao tontolo izao

Ireo apostoly koa dia nampiasa ny hoe "izao tontolo izao" mba hanehoana ny fitondrantena feno fitiavan-tana sy ny soatoavina mahatsiravina ataon'ny olona eto amin'izao tontolo izao. DH: "araka ny soatoavin'ny olona miaina eto amin'izao

tontolo izao" na "manaraka ireo fitsipk'izao tontolo ankehitriny izao"

**mpanapaka ireo fahefana eny amin'ny rivotra**  
Ity dia maneho ny devoly na Satana.

**ilay fanahy izay miasa**  
"ilay fanahin'ny Satana, izay miasa"

**fanirian'ny nofo sy ny saina**  
Ny teny hoe "nofo" sy "saina" dia maneho ny maha-olona manontolo.

**zanaky ny fahatezerana**  
ny olona izay tezeran'Andriamanitra

### Ephesians 2:4

**manan-karena famindram-po Andriamanitra**  
"be famindram-po Andriamanitra" na "tsara fanahy amintsika Andriamanitra"

**noho ilay fitiavany lehibe izay nitiavany antsika**  
 "nohon'ny fitiavany lehibe antsika" na "satria tia be antsika Izy"

**Tamintsika mbola maty tao anatin'ny fahadisoana, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy**  
 Ity dia mampiseho ny tsy fahafahan'ny olona mankatoa an'Andriamanitra amin'ny maha-mpanota azy mandra-panomezana azy fiainana vaovao arapanahy tahaka ny olona maty tsy afaka mamaly arabatana raha tsy natsangana tamin'ny maty.

**any an-danitra**  
 "any amin'ny tontolo tsy hita maso." Ny teny hoe "lanitra" dia maneho ny toerana misy an'Andriamanitra. Jereo ny nanaovanao izany tao amin'ny 1:3.

**ao amin'i Kristy Jesosy**  
 Ny "ao amin'i Kristy Jesosy" ary teny mitovitovy amin'izay dia fanoharana izay hita matetika ao amin'ireo taratasin'ny Testamenta Vaovao. Ireo dia maneho ny karazana fifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy.

**amin'ny vanim-potoana ho avy**  
 "amin'ny ho avy"

## Ephesians 2:8

**Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alalan'ny finoana**  
 Ny hatsaram-panahin'Andriamanitra amintsika no antony nanomezany antsika tombony ho voavonjy tamin'ny fitsarana raha toa ka mahatoky tanteraka an'i Jesosy isika. DH: "Andriamanitra namonjy anareo tamin'ny fahasoavana nohon'ny finoanareo taminy"

**ary tsy avy aminareo izany**  
 Ny "izany" dia maneho ilay hoe "tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alalan'ny finoana."

**Tsy avy amin'ny asa**  
 "ity famonjena ity dia tsy tonga nohon'ny zavatra tsara vitanareo"

**tao amin'i Kristy Jesosy**  
 Ny "ao amin'i Kristy Jesosy" ary teny mitovitovy amin'izay dia fanoharana izay hita matetika ao amin'ireo taratasin'ny Testamenta Vaovao. Ireo dia maneho ny karazana fifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy.

**handehanan-tsika**  
 "hanarahantsika" na "hanaovantsika"

## Ephesians 2:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Paoly mampatsiahy ireo mpino ireo fa nampiraisin'Andriamanitra ho amin'ny vatana iray

ireo Jentilisa sy Jiosy ankehitriny tamin'ny alalan'i Kristy sy ny hazofjaliany.

**Jentilisa tao amin'ny nofo**  
 Ity dia maneho ny olona izay tsy teraka Jiosy.

**tsy voafora**  
 Ireo olona tsy Jiosy dia tsy voafora toy ny zazakely ary noho izany dia noheverin'ireo Jiosy ho tsy manaraka ny lalàn'Andriamanitra izy ireo. DH: "jentilisa tsy voafora"

**voafora**  
 Ity dia teny hafa ho an'ny olona Jiosy satria ny zazalahy rehetra dia noforaina tamin'izy ireo 8 taona. DH: "olona voafora"

**tafasaraka tamin'i Kristy**  
 "tsy mpino"

**eo amin'ireo izay antsoina hoe "voafora" ao amin'ny nofo nataon'ny tanan'olombelona**  
 Ireo dika azo atao: 1) "Ireo Jiosy, izay voaforan'ny olombelona" na 2) "Ireo Jiosy, izay mamora ny aranofo"

**izay antsoina hoe**  
 DH: "izay antsoin'ny olona"

**vahiny tamin'ny faneken'ny fampanantenana ianareo**  
 Paoly miresaka ireo mpino Jentilisa toy ny hoe vahiny izy ireo, nijaona avy tany amin'ny tanin'ny fanekena sy fampanantenan' Andriamanitra.

## Ephesians 2:13

**Fa ankehitriny ao amin'i Kritis Jesosy**  
 Paoly manao fifanoherana eo amin'ireo Efesiana talohan'ny ninoan'izy ireo an'i Kristy sy taorian'ny ninoan'izy ireo an'i Kristy.

**ianareo izay lavitra an'Andriamanitra taloha dia nampanakaikezina tamin'ny ràn'i Kristy**  
 Nohon'ny fahotan'ireo mpino, dia tafasaraka tamin'Andriamanitra izy ireo. Na izany aza, ankehitriny Jesosy dia nitondra azy ireo ho akaikin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny ràny.

**tamin'ny ràn'i Kristy**  
 DH: "tamin'ny fahafatesan'i kristy" na "rehefa maty ho antsika Kristy"

**Izy no fihavanantsika**  
 "Jesosy manome antsika ny fihavanany"

**Izy no nahatonga ny roa ho iray**  
 "nataony ho iray ireo Jiosy sy Jentilisa"

**Tamin'ny nofony**  
 "'tamin'ny fahafatesan'ny vatany teo amin'ny hazofjaliana"

**ny rindrin'ny fanoherana**  
 "rindrin'ny fankahalana"

**izay nampizarazara antsika**

Ny teny hoe "antsika" dia maneho an'i Paoly sy ireo Efesiana. Ireo Jentilisa dia tafasaraka tamin'ireo Jiosy. DH: "izay nampisaraka antsika Jiosy sy Jentilisa tamin'ny tsirairay"

**nofoanany ny lalàn'ny didy sy ny fitsipika**

Ny ràn'i Jesosy dia nanome fahafaham-po ny lalàn'i Mosesy mba ho afaka miaina am-piadanana ao amin' Andriamanitra ireo Jiosy sy Jentilisa.

**ao Aminy**

Izany dia fikambanana ao amin'i Kristy izay mampisy fampihavanana eo amin'ireo Jiosy sy Jentilisa.

**Kristy dia mampihavana ny vahoaka roa tonta**

"kristy dia mitondra ireo Jiosy sy Jentilisa miaraka ao amin'ny fihavanana"

**amin'ny alalan'ny hazofijaliana**

Eto ny hazofijaliana dia maneho ny fahafatesan'i Kristy eo amin'ny hazofijaliana.

**ka mamono ny fanoherana**

Ny fanajanonana ny fifanoheran'izy ireo dia resahana toy ny hoe novonoiny ny fifanoheran'izy ireo. Tamin'ny fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana dia nofoanan'i Jesosy ny antony nifanoheran'ireo Jiosy sy Jentilisa teo amin'izy ireo. DH: "nanajanona ny fifankahalan'izy ireo"

**Ephesians 2:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly miteny ireo mpino Efesiana fa ireo mpino Jentilisa amin'izao koa dia nampiraisina tamin'ireo apostoly Jiosy sy mpaminany; tempolin'Andriamanitra ao amin'ny fanahy izy ireo.

**nitory fihavanana**

"nanambara ny filazantsaran'ny fihavanana" na "nilaza ny filazantsaran'ny fihavanana"

**anareo izay lavitra**

Ity dia maneho ireo Jentilisa na tsy Jiosy.

**ireo izay akaiky**

Ity dia maneho ireo Jiosy.

**Fa amin'ny alalan'i Jesosy no hananantsika roa tonta fifandraisana**

Eto ny "roa tonta" dia maneho an'i Paoly, ny mpino Jiosy, sy ny Jiosy tsy mpino.

**amin'ny Fanahy iray**

Ireo mpino rehetra, Jiosy sy Jentilisa, dia nomena ny fahafahana hiditra ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ilay Ray amin'ny Fanahy Masina iray ihany.

**Ephesians 2:19****tsy vahiny sy mpivahiny intsony ianareo Jentilisa izao ... ankohonan'Andriamanitra**

Paoly dia miresaka indray ny toetra arapanahin'ireo Jentilisa taorian'ny nahalasa mpino azy ireo toy ny hiresahany ny momban'ireo vahiny lasa olom-pirenena ny firenena samihafa.

**Efa naorina teo amin'ny fototra fanorenana ianareo**

Paoly dia miresaka ny vahoakan'Andriamanitra toy ny hoe trano be izy ireo. Kristy no vato fehizoro, ireo apostoly no fototra, ary ireo mpino no rafitra.

**Efa naorina ianareo**

DH: "Andriamanitra nanorina anareo"

**hikambanan'ny fanorenana rehetra ary hitomboany toy ny tempoly**

Paoly manohy miresaka ny fianakavian'i Kristy toy ny hoe trano be izany. Toy izany koa no hanakambanan'ny mpanorina ny vato eo ampanorenana, noho izany dia hakamban'i Kristy isika.

**Ao aminy ... ao amin'ny Tompo ... ao Aminy**

"Ao amin'i Kristy ... ao amin'ny Tompo ... ao amin'i Kristy" Ireo fanoharana ireo dia maneho ny karazam-pifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy"

**hananganana anareo miaraka ho fitoerana ho an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy**

Ity dia mamaritra ny fomba nanakambanana ireo mpino mba ho lasa toerana izay hitoeran' Andriamanitra mandrakizay amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

**hananganana anareo miaraka**

DH: "Andriamanitra ihany koa dia manangana anareo miaraka"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Noho izany, izaho Paoly, dia gadran'i Kristy Jesosy ho anareo Jentilisa. <sup>2</sup> Ataoko fa naheno ny fitantanana ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo ianareo. <sup>3</sup> Manoratra araka ny fanambarana nampahafantarina ahy aho. Izany no marina miafina momba izay nosoratako fohifohy taminareo. <sup>4</sup> Rehefa mamaky izany ianareo, dia ho afaka ny hahazo ny fomba fahazoako izany marina miafina momban'i Kristy izany. <sup>5</sup> Tamin'ireo taranaka hafa dia tsy natao fantatry ny zanak'olombelona izany marina izany. Fa ankehitriny kosa izany dia nambara tamin'ny alalan'ny Fanahy tamin'ireo Apostôly sy ireo mpaminaniny izay voatokana ho amin'ity asa ity. <sup>6</sup> Izany marina miafina izany dia milaza fa ireo Jentilisa dia mpiaramandova, sy mpiara-miombona amin'ny vatana, ary mizara ny fampanantenana ao amin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny filazantsara izy ireo. <sup>7</sup> Fa lasa mpanompon'izany filazantsara izany aho tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra nomena ahy tamin'ny alalan'ny fiasan'ny heriny. <sup>8</sup> Nomen'Andriamanitra ahy izany fanomezana izany, na dia izaho aza no farany kely indrindra amin'ireo olo-masin'Andriamanitra. Izany fanomezana izany dia ny mba hitoriako amin'ireo Jentilisa ny filazantsaran'ny haren'i Kristy saro-katsahina. <sup>9</sup> Ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ho ahy dia ny hitondrako fanazavana amin'ny olondrehetra ny fandaharan'Andriamanitra. Io fandaharana io dia nafenin'Andriamanitra, ilay nahary ny zavatra rehetra, nandritra ny taona maro taloha. <sup>10</sup> Nampahafantarina tamin'ny fiangonana izany fandaharana izany mba hahatonga ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana any an-danitra hahalala ny toetra maron'ny fahendren'Andriamanitra. <sup>11</sup> Nitranga araka ny fandaharana mandrakizay izay tanterany tao amin'i Kristy Jesosy Tompontosika izany. <sup>12</sup> Fa ao amin'i Kristy no ananantsika fahasahiana sy lalana am-pahatokiana nohon'ny finoantsika Azy. <sup>13</sup> Noho izany miangavy anareo aho mba tsy ho kivy nohon'ny fijaliako ho anareo, izay voninahitrareo. <sup>14</sup> Noho izany dia mandohalika eo anatrehan'ny Ray aho, <sup>15</sup> izay nanome anarana ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy eto an-tany. <sup>16</sup> Mivavaka aho mba hanomezany anareo, araka ny haren'ny voninahiny, mba hatanjaka amin-kery amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay ao aminareo. <sup>17</sup> Mivavaka aho mba hitoetra ao am-ponareo amin'ny finoana Kristy, mba hifototra sy hiorina ao amin'ny fitiavany ianareo. <sup>18</sup> Hahazo hery anie ianareo ka ho afa-mahatakatra, miaraka amin'ireo mpino rehetra, ny sakany, ny halavany, ny hahavony, ary ny halaliny, <sup>19</sup> ary mba hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra ny fahalalana rehetra, ka mba ho fenon'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra ianareo. <sup>20</sup> Ary ho Azy izay mahavita manao mihoatra izay rehetra angatahintsika na eritreretintsika, araka ny hery izay miasa ao anatintsika, <sup>21</sup> ho Azy ny voninahitra ao amin'ny fiangonana ary ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka rehetra mandrakizay doria. Amena.

### Ephesians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mba hampazava ny marina miafina momban'ny fiangonana amin'ireo mpino, dia miverina maneho ny maha-iray an'ireo Jiosy sy Jentilisa ary ny tempoly izay hikambanan'ireo mpino ankehitriny Paoly.

#### Noho izany

"Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra aminareo"

#### gadran'i Kristy Jesosy

"ilay iray izay nalefan'i Kristy Jesosy any am-pigadrana"

#### ny fitantanana ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo

"ny andraikitra izay nomen'Andriamanitra ahy mba hitondrana fahasoavana aminareo"

### Ephesians 3:3

#### araka ny fanambarana nampahafantarina ahy

DH: "araka ny nolazain'Andriamanitra tamiko"

#### momba izay nosoratako fohifohy taminareo

Paoly maneho taratasy hafa izay nosoratany ho an'ireo olona ireo.

#### Tamin'ireo taranaka hafa dia tsy natao fantatry ny zanak'olombelona izany marina izany

DH: "Tany aloha Andriamanitra dia tsy nampahafantatra ireo zavatra ireo tamin'ny olona"

#### Fa ankehitriny kosa izany dia nambara tamin'ny alalan'ny Fanahy

DH: "Fa ankehitriny nambaran'ny Fanahy izany" na "Fa ankehitriny nampahafantarina ny Fanahy izany"

#### ireo apostoly sy ireo mpaminaniny izay voatokana ho amin'ity asa ity

"ireo apostoly sy ireo mpaminany izay natokan' Andriamanitra hanao ity asa ity"

**Ephesians 3:6**

**ireo Jentilisa dia mpiara-mandova ... amin'ny alalan'ny filazantsara izy ireo**

Izany no marina miafina izay manomboka azavain'i Paoly ao amin'ny andininy teo aloha. Ireo Jentilisa izay mandray an'i Kristy dia mandray zavatra mitovy tahaka ireo mpino Jiosy koa.

**mpiara-miombona amin'ny vatana**

Ny fiangonana dia aseho foana toy ny vatan'i Kristy.

**amin'i Kristy Jesosy**

Ny "ao amin'i Kristy Jesosy" ary teny mitovitovy amin'izay dia fanoharana izay hita matetika ao amin'ireo taratasin'ny Testamenta Vaovao. Ireo dia maneho ny karazana fifandraisana mahery vaika eo amin'i Kristy sy ireo izay mino Azy.

**amin'ny alalan'ny filazantsara**

Ireo dika azo heverina: 1) nohon'ny filazantsara dia mpiara-mizara ao amin'ny fampanantenana ireo Jentilisa. na 2) nohon'ny filazantsara dia mpiara-mandova sy ratsam-batana ary mpiara-mizara ao amin'ny fampanantenana ireo Jentilisa.

**Ephesians 3:8**

**olo-masin'Andriamanitra**

"ireo izay natokan'Andriamanitra ho an'ny tenany"

**saro-katsahina**

tsy afaka fantarina tanteraka

**haren'i kristy**

Paoly miresaka ny marina momban'i Kristy sy ireo fitahiana izay entiny toy ny hoe harena ara-nofo ireo.

**hitondrako fanazavana amin'ny olon-drehetra ny fandaharan'Andriamanitra**

Ny fitondrana fanazavana amin'ny olona dia maneho ny fampianarana azy ireo. DH: "mampisy hazavana amin'ny fandaharana miafin' Andriamanitra mba ho fantatry ny olona izany" na "mampianatra ny olon-drehetra ny fandaharan' Andriamanitra"

**Io fandaharana io dia nafenin'Andriamanitra, ilay nahary ny zavatra rehetra**

"Andriamanitra, izay nahary ny zavatra rehetra, dia nanafina io fandaharana io nandritry ny vanim-potoana lava tany aloha"

**Ephesians 3:10**

**ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana any an-danitra hahalala ny toetra maron'ny fahendren'Andriamanitra**

"Andriamanitra dia hampahafantatra ny halehiben'ny fahendreny amin'ireo mpanapaka sy manam-pahefana any an-danitra amin'ny alalan'ny fiangonana"

**mpanapaka sy manam-pahefana**

Ireo teny ireo dia mitovy dika. Paoly mampiasa ireo miaraka mba hanamafisana fa ny ara-panahy rehetra dia hahafantatra ny fahendren'Andriamanitra.

**any an-danitra**

"any amin'ny tontolo tsy hita maso." Ny teny hoe "lanitra" dia maneho ny toerana misy an'Andriamanitra. Jereo ny nanaovanao izany tao amin'ny 1:3.

**ny toetra maron'ny fahendren'Andriamanitra**

Ny fahendren'Andriamanitra tsy takatry ny saina

**Ephesians 3:12**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly midera an'Andriamanitra ao anatin'ny fijaliany ary mivavaka ho an'ireo mpino Efesiana ireo.

**ananantsika fahasahiana**

"tsy misy tahotra isika" na "manana herim-po isika"

**lalana am-pahatokiana**

"lalana mankao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra am- pahatokiana" na "fahafahana hiditra ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra am-pahatokiana"

**fahatokiana**

"antoka"

**izay voninahitrareo**

Ireo Kristiana any Efesosy dia tokony hirehareha amin'izay hijalian'i Paoly any am-ponja. DH: "Ity dia ho an'ny tombontsoanareo" na "Ianareo dia tokony hirehareha amin'izany"

**Ephesians 3:14**

**Noho izany**

"Satria Andriamanitra nanao izany rehetra izany ho anareo"

**mandohalika eo anatrehan'ny Ray aho**

Ny fandoalihana dia sarin'ny maha-olona iray manontolo amin'ny fihetsika vavaka. DH: "Mandoalika amin'ny vavaka amin'ny Ray aho" na "mivavaka am-panetre-tena amin'ny Ray aho"

**izay nanome anarana ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy eto an-tany**

Ny asa fanomezana anarana eto dia mety maneho ny asa famoronana koa. DH: "izay namorona ny nanome anarana ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy eto an-tany"

**hanomezany anareo, araka ny haren'ny voninahiny, mba hatanjaka amin-kery**

Andriamanitra, satria Izy tena lehibe sy mahery, dia hanome anareo ho tonga matanjaka amin'ny heriny"

**Ephesians 3:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly manohy ny vavaka ataony izay natombony tao amin'ny 3:14.

**mba hitoetra ao am-ponareo amin'ny finoana Kristy, mba hifototra sy hiorina ao amin'ny fitiavany ianareo**

Ity no zavatra faharoa izay hivavahan'i Paoly ny mba "hanomezan'"Andriamanitra ny Efesiana araka ny "'haren'ny voninahiny" ; ny voalohany dia ny "hahatanjahan'" izy ireo.

**ao am-ponareo amin'ny finoana**

Eto ny "fo" dia maneho ny ao anatin'ny olona iray, ary ny "amin'ny" dia maneho ny fomba afahan'i Kristy miaina ao anatin'ny mpino. Kristy dia miaina ao am-pon'ireo mpino satria Andriamanitra mamela azy ireo amin'ny hatsaram-panahy hanana finoana.

**finoana, mba hifototra sy hiorina ao amin'ny fitiavany ianareo. Hahazo hery anie ianareo ka ho afa-mahatakatra**

Ireo dika azo heverina: 1) "finoana. Mivavaka aho mba hifototra sy hiorina amin'ny fitiavany ianareo mba afahanareo mahatakatra" na 2) "finoana mba hifotorana ny hiorenanareo amin'ny fitiavany. Mivavaka ihany koa aho ny mba afahanareo mahatakatra"

**mba hifototra sy hiorina amin'ny fitiavany ianareo**

Paoly miresaka ny finoan'izy ireo toy ny hoe hazo izay manana fototra lalina sy trano miorina eo amin'ny fototra mafy orina izany. DH: "mba ho toy ny hazo mifototra mafy sy toy ny trano naorina teo amin'ny vato ianareo"

**mba ho afa-mahatakatra**

Ity no zavatra faharoa izay nandoalihan'i Paoly sy nivavahany; ny voalohany dia, ny mba hanomezan'Andriamanitra fahatanjahana azy ireo (3:14) sy ny hitoeran'i Kristy ao am-pon'izy ireo amin'ny alalan'ny finoana (3:14). Ary ny

"fahatakarana" no zavatra voalohany izay nivavahan'i Paoly fa ho afaka ataon'ireo Efesiana.

**ireo mpino rehetra**

"ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy" na "ireo masina rehetra"

**ny sakany, ny halavany, ny hahavony, ary ny halaliny**

Ireo dika azo heverina: 1) ireo teny ireo dia mamaritra ny halehiben'ny fahendren' Andriamanitra, DH: "fa tena hendry Andriamanitra" na 2) ireo teny ireo dia mamaritra ny hamafin'ny fitiavan'Andriamanitra antsika. DH: "fa tena tia antsika Kristy"

**mba hahalala ny fitiavan'i Kristy**

Ity no zavatra faharoa nivavahan'i Paoly mba ho afaka ataon'ireo Efesiana; ny voalohany dia ny "fahatakarana." DH: "mba ho fantatrareo be ny fitiavan'i Kristy antsika"

**mba ho fenon'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra ianareo**

Ity no zavatra fahatelo izay nandoalihan'i Paoly sy nivavahany (3:14); ny voalohany dia ny mba "hatanjahan'" izy ireo. (3:14), ary ny faharoa dia ny mba "hatakarana" izy ireo (3:18).

**Ephesians 3:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly mamarana ny vavaka ataony amin'ny tso-drano.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ireo teny hoe "isika" sy "antsika" amin'ity boky ity dia mbola mampiditra an'i Paoly sy ireo mpino rehetra.

**Ary ho Azy izay**

"Ary ho an'Andriamanitra, izay"

**mahavita manao mihoatra,**

Andriamanitra dia afaka manao mihoatra noho izay nangatahintsika na noeriteretintsika.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Noho izany, izaho, amin'ny maha gadra ho an'ny Tompo ahy, dia mamporisika anareo mba handeha am-pamendrehana amin'ny antso izay niantsoana anareo. <sup>2</sup> Mamporisika anareo aho mba hanana fanetrentena lehibe sy fahatsorana ary faharetana, mifandefitra amin'ny fitiavana. <sup>3</sup> Manaova izay faran'ny herinareo mba hitahirizana ny firaisan'ny Fanahy amin'ny fatoran'ny fihavanana. <sup>4</sup> Iray ihany ny vatana ary iray ihany ny Fanahy, tahaka ny niatsoana anareo tao amin'ny fanantenan'ny fiantsoana anareo iray ihany koa. <sup>5</sup> Ary iray ihany ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa, <sup>6</sup> ary iray ihany Andriamanitra sy ny Rain'ny rehetra, izay ambonin'ny zavatra rehetra ary amin'ny alalan'ny zavatra rehetra sy ao amin'ny zavatra rehetra. <sup>7</sup> Isika tsirairay avy dia nomena fahasoavana araka ny haben'ny fanomezan'i Kristy. <sup>8</sup> Araka ny tenin'ny Soratra Masina izany hoe: "Rehefa niakatra tany amin'ny avo Izy, dia nitondra ireo babo ho amin'ny fahababoana, ary nanolotra fanomezana ho an'ny vahoaka Izy." <sup>9</sup> Inona ny hevitra ny hoe: "Niakatra Izy," raha tsy hoe nidina tany amin'ny faritra ambanin'ny tany ihany koa Izy? <sup>10</sup> Izy ilay nidina ihany ilay olona niakatra ambony tany an-danitra, mba afahany mameno ny zavatra rehetra. <sup>11</sup> Kristy dia nanolotra ny sasany ho apostôly, ny sasany ho mpaminany, ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho pasitera sy mpampianatra. <sup>12</sup> Nanome ireo asa ireo Izy mba hanampiana ireo vahoakany masina ho amin'ny asa fanompoana, amin'ny fanorenana ny vatan'i Kristy. <sup>13</sup> Manohy manorina ny vatany Izy mandra-pahatrarantsika rehetra ny firaisam-pinoana sy ny fahalalana ny Zanak'Andriamanitra, ary mba hahatonga antsika ho matotra ka mba hahatratra ny haben'ny fahafenoan'i Kristy. <sup>14</sup> Manorina antsika Kristy mba tsy ho toy ny zaza izay atopotopan'ny onja intsony isika, ary tsy ho entin'ny rivotry ny fampianarana sy ny hafetsen'ireo olona amin'ny tetika feno fitaka. <sup>15</sup> Fa isika kosa, amin'ny filazana ny fahamarinana amin'ny fitiavana, dia tokony hitombo amin'ny fomba rehetra ao amin'Izy izay loha, izany hoe, Kristy. <sup>16</sup> Kristy dia manangana ny tena rehetra, ary nakambana sy natambatra tamin'ny isan-tonony izany, ary rehefa miasa miaraka ireo, dia mahatonga ny vatana hitombo mba hampiorina ny tenany amin'ny fitiavana. <sup>17</sup> Noho izany, dia milaza sy manindry mafy izany ao amin'ny Tompo aho, mba tsy hiaina tahaka ny Jentilisa intsony ianareo, amin'ny fahafoanan'ny fisainan'izy ireo. <sup>18</sup> Maizina ny fahalalan'izy ireo, tafasaraka amin'ny fiainan'Andriamanitra nohon'ny tsy fahalalana ao amin'izy ireo, nohon'ny fahamafisam-pon'izy ireo. <sup>19</sup> Tsy mahalala menatra izy ireo ary nanolotra ny tenan'izy ireo ho amin'ny filan'ny nofo, ary manohy manao izao karazam-pahalotoana rehetra izao. <sup>20</sup> Fa tsy izany no fomba nianaranareo ny momban'i Kristy. <sup>21</sup> Inoako fa naheno ny momba Azy ianareo, ary nampianarina tao aminy, satria ny fahamarinana dia ao amin'i Jesosy. <sup>22</sup> Nampianarina ianareo mba hanary ny fomba fiainanareo taloha, mba hanary ny toetra taloha. Ilay toetra taloha izay simba nohon'ny fitaky ny filany. <sup>23</sup> Nampianarina ianareo mba hihavao ao amin'ny fanahin'ny sainareo, <sup>24</sup> ary hitafy ilay olom-baovao izay nohariana araka ny endrik'Andriamanitra \_ ao amin'ny tena fahamarinana sy fahamasinana. <sup>25</sup> Noho izany, ialao ny lainga, ary aoka ny tsirairay aminareo hifampilaza ny marina amin'ny namany, satria samy isan'ny rantsan'ny rehetra isika. <sup>26</sup> Mitezera fa aza manota. Aza avela ho tratin'ny masoandro mody ny hatezeranao. <sup>27</sup> Aza manome hirika ho an'ny devoly. <sup>28</sup> Izay nangalatra dia tsy tokony hangalatra intsony. Tsy maintsy miasa izy, manao asa tsara amin'ny tanany, mba hananany zavatra ho zaraina ho an'ireo ao anatin'ny tsy fahampiana. <sup>29</sup> Aza avela hisy teny maloto hivoaka avy amin'ny vavanareo. Mampiasa teny izay ilaina amin'ny fanorenana ny hafa, araka izay ilain'izy ireo, mba tena hanampy ireo izay mihaino anareo ny teninareo. <sup>30</sup> Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, fa avy aminy no nanaovana toambo-kase anareo ho amin'ny andron'ny fanavotana. <sup>31</sup> Ialao ny lolom-po rehetra, haromontana, ny hatezerana, ny fifamaliana, ary ny fifampitenenan-dratsy, miaraka amin'ireo karazan'asa ratsy rehetra. <sup>32</sup> Manàna fahalemam-panahy amin'ny tsirairay avy, fahatsoram-po, mifamelà heloka, toy ny namelan'Andriamanitra anareo tao amin'i Kristy.

### Ephesians 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Noho izay nosoratan'i Paoly tamin'ireo Efesiana, dia milaza azy ireo izy ny fomba tokony hiainan' izy ireo ny fiainany amin'ny maha-mpino ary manamafy indray fa ireo mpino dia tsy mifanaiky.

#### amin'ny maha-gadra ho an'ny Tompo ahy

"amin'ny maha-olona izay gadra nohon'ny safidiny hanompo ny Tompo"

#### handeha am-pamendrehana amin'ny antso

mandeha amin'ny lalana mahazatra izay maneho ny hevitra ny fiainana ny fiainan'ny olona iray.



**hanana fanetre-tena lehibe sy fahatsorana ary faharetana**  
 "hianatra manetri-tena, tsotra, ary maharitra"

**hitahirizana ny firaisan'ny Fanahy amin'ny fatoran'ny fihavanana**  
 "hikatsaka ny hiara-hiaina miaraka amin'ny fiadanana mba hihazonana ny firaisan'ny Fanahy"

#### **Ephesians 4:4**

**Iray ihany ny vatana**  
 Ny fiangonana dia maneho ny vatan'ny Kristy foana.

**iray ihany ny Fanahy**  
 "Fanahy iray ihany"

**niantsoana anareo tao amin'ny fanantenan'ny fiantsoana anareo**  
 "Andriamanitra niantso anareo hanana fanantenana azo antoka amin'ny fiantsoana anareo" na "misy zavatra iray izay nisafidianan' Andriamanitra anareo koa mba hatokisana ary hanantena Azy anao izany"

#### **Ephesians 4:7**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Paoly mampatsiahy ireo mpino ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen'i Kristy ho ampiasain'ireo mpino ao am-piangonana, izay vatana iray manontolon'ireo mpino.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
 Ny teny lazaina eto dia avy amin'ny hira izay nosoratan'i Davida Mpanjaka.

**Isika tsirairay avy dia nomena fahasoavana**  
 DH: "Nomen'Andriamanitra fahasoavana isika tsirairay avy" na "Nomen'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana ny mpino tsirairay"

**Rehefa niakatra tany amin'ny avo Izy**  
 "Rehefa niakatra tany an-danitra Kristy"

#### **Ephesians 4:9**

**Niakatra Izy**  
 "Niakatra Kristy"

**nidina ihany koa Izy**  
 "nidina ihany koa Kristy"

**mba afahany mameno ny zavatra rehetra**  
 "mba ho eo fona amin'ny heriny Izy na aiza na aiza"

**mameno**  
 "manome fahafaham-po"

#### **Ephesians 4:11**

**Nanome ireo asa ireo Izy**  
 DH: "'Kristy nanome ireo asa ireo ho an'ny fiangonana" na "Nomeny olona miaraka amin'ireo andraikitra ireo ny fiangonana"

**mba hanampiana ireo vahoakany masina**  
 "mba hanomanana ny olona izay voatokany" na "mba hanomezana ireo mpino"

**ho amin'ny asa fanompoana**  
 "mba ho afaka manampy ireo hafa izy ireo"

**amin'ny fanorenana ny vatan'i Kristy**  
 Paoly miresaka ny olona izay mitombo ara-panahy toy ny hoe manao fampiharana izy ireo mba hampitomboana ny tanjaky ny herin'ny vatan'izy ireo.

**fanorenana**  
 "fanatsarana"

**vatan'i Kristy**  
 Ny "vatan'i Kristy" dia maneho ny olona rehetra mpikambana ao amin'ny fiangonan'i Kristy.

**mandra-pahatrarana ny rehetra ny firaisam-pinoana sy ny fahalalana ny Zanak' Andriamanitra**  
 Ireo mpino dia mila mahafantatra an'i Jesosy hoe Zanak'Andriamanitra raha te-ho iray ara-pinoana sy matotra toy ny mpino izy ireo.

**mandra-pahatrarana ny rehetra ny firaisam- pinoana**  
 "lasa matanjaka amin'ny finoana" na "lasa iray amin'ny finoana"

**Zanak'Andriamanitra**  
 Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**hahatonga antsika ho matotra**  
 "lasa mpino matotra"

**matotra**  
 "mandroso tanteraka," "olon-dehibe"

#### **Ephesians 4:14**

**toy ny zaza**  
 Paoly maneho ireo mpino izay tsy nitombo ara-panahy toy ny hoe ankizy tsy ampy traikefa tamin'ny fiainana izy ireo. DH: "tahaka ny zaza"

**atopatopa ... ho entin'ny rivotry ny fampianarana**  
 Ity dia miresaka ny mpino izay tsy lasa matotra sy nanaraka ny fampianarana diso toy ny hoe sambo izay nentin'ny rivotra tamin'ny lalana samihafa eny amin'ny rano io mpino io.

**hafetsen'ireo olona amin'ny tetika feno fitaka**  
 "olona fetsifetsy izay mamitaka ireo mpino amin'ny lainga tsara rafitra"

**ao amin'Izy izay loha ... mahatonga ny vatana hitombo mba hampiorina ny tenany amin'ny fitiavana**  
Paoly mampiasa ny vatan'olombelona mba hamaritana ny fomba nataon'i Jesosy nahatonga ireo mpino hifanaraka amin'ny fiaraha-miasa toy ny lohan'ny vatana mampiara-miasa ireo ratsam-batana mba hitombo ara-pahasalamana.

#### **tamin'ny isan-tonony**

Ny "tonony" dia hozatra kely mampifandray ny taolana na taova eo amin'ny toerany ao amin'ny vatana.

### **Ephesians 4:17**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly milaza azy ireo izay tokony tsy ho ataon'izy ireo intsony amin'izao amin'ny maha-mpino nasiana tombon-kase tamin'ny Fanahy Masin'Andriamanitra azy ireo izao.

#### **Noho izany, dia milaza sy manindry mafy izany ao amin'ny Tompo aho**

"noho izay vao nolazaiko, dia hilaza zavatra hafa aho mba hampaherezana mafy anarero satria an' ny Tompo avokoa isika rehetra"

**tsy hiaina tahaka ny Jentilisa intsony ianareo, amin'ny fahafoanan'ny fisainan'izy ireo**  
DH: "tsy hiaina toy ireo Jentilisa amin'ny eritreritra tsy misy dikan'izy ireo intsony"

#### **Maizaina ny fahalalan'izy ireo**

Tsy mieritreritra na misaina tsara intsony. DH: "Nohamaizinin'izy ireo ny sainy" na "tsy afaka mahatakatra izy ireo"

**tafasaraka amin'ny fiainan'Andriamanitra nohon'ny tsy fahalalana ao amin'izy ireo**  
DH: "Satria tsy mahafantatra an'Andriamanitra izy ireo, tsy afaka miaina amin'ny fomba tian' Andriamanitra hiainan'ny vahoakany" na "notapahan'izy ireo tamin'ny fiainan' Andriamanitra ny tenan'izy ireo tamin'ny alalan'ny tsy fahalalan'izy ireo"

#### **tsy fahalalana**

"tsy ampy fahalalana" na "tsy ampy fanazavana"

#### **nohon'ny fahamafisam-pon'izy ireo**

Mandà tsy hihaino sy hanaraka an'Andriamanitra amin'ny fampianarany izy ireo.

#### **nanolotra ny tenan'izy ireo ho amin'ny filan'ny nofo**

DH: "te-hanome fahafaham-po ny filan'ny nofon'izy ireo fotsiny"

### **Ephesians 4:20**

**Fa tsy izany no fomba nianaranareo ny momban'i Kristy**  
Ny teny hoe "izany" dia maneho ny fomba fiainan' ireo Jentilisa, tahaka ny voafaritry tao amin'ny 4:17. Ity dia manamafy fa izay nianaran'ireo mpino

momban'i Kristy dia mifanohitra amin'izany. DH: "Fa tsy tahaka izany ny nianaranareo momban'i Kristy"

#### **Inoako fa naheno ny momba Azy ianareo, ary nampianarina tao aminy**

Paoly dia mahafantatra fa ireo Efesiana dia nandre sy nampianarina.

#### **nampianarina tao aminy**

Ireo dika azo heverina: 1) "nampianatra anareo ny olon'i Jesosy" na 2) "nisy olona nampianatra anareo satria olon'i Jesosy ianareo."

#### **satria ny fahamarinana dia ao amin'i Jesosy**

"satria 'marina ny zavatra rehetra momban'i Jesosy"

#### **mba hanary ny fomba fiainanareo taloha**

Paoly miresaka ireo toetra tsara toy ny hoe singan'akanjo izany. DH: "mba hanajanona ny fomba fiainanareo taloha"

#### **mba hanary ny toetra taloha**

Paoly miresaka ireo toetra tsara toy ny hoe singan'akanjo izany. DH: "mba hanajanona ny fomba fanaonareo taloha"

#### **izay simba nohon'ny fitaky ny filàny**

Paoly dia miresaka ny toetran'olombelona feno fahotana toy ny hoe faty mianjera ao amin'ny fasany izany.

### **Ephesians 4:23**

#### **mba hihavao ao amin'ny fanahin'ny sainareo**

DH: "mba hamela an'Andriamanitra hanova ny toetranareo sy ny fisainanareo" na "mba hamela an'Andriamanitra hanome toetra sy fisainana vaovao ho anareo"

#### **mba hitafy ilay olom-baovao izay nohariana araka ny endrik'Andriamanitra**

Paoly miresaka ireo toetra tsara toy ny hoe singan'akanjo izany. DH: "mba hiaina ny fiainanareo vaovao, izay nohariana araka ny endrik'Andriamanitra" na "mba hanomboka hiaina amin'ny fomba vaovao satria nohariana araka ny endrik'Andriamanitra ianareo"

#### **amin'ny tena fahamarinana sy fahamasinana**

"tena marina sy masina"

### **Ephesians 4:25**

#### **ialao ny lainga**

"aza mandainga intsony"

#### **samy isan'ny rantsan'ny rehetra isika**

"an'ny tsirairay avy isika" na "isan'ny fianakavian' Andriamanitra isika"

**Mitezera fa aza manota**

"mety ho tezitra ianao, fa aza manota" na "raha tezitra ianao, dia aza manota"

**Aza avela ho tratrin'ny masoandro mody ny hatezeranao**

"tokony hanajonana ny hatezerana mialohan'ny fahatongavan'ny alina ianareo" na "avelao ny hatezeranao mialohan'ny hiafaran'ny andro"

**Aza manome hirika ho an'ny devoly**

"Aza manome hirika ny devoly hitarika anareo amin'ny fahotana"

**Ephesians 4:28**

**teny maloto**

Ity dia maneho ny teny izay ratsy na tsy misy dikany.

**amin'ny fanorenana ny hafa**

"hampiononana ny hafa" na "hampaherezana ny hafa"

**izay ilain'izy ireo, mba tena hanampy ireo izay mihaino anareo ny teninareo**

"izay ilain'izy ireo. Amin'izay dia hanampy ireo izay mihaino anareo ianareo"

**aza mampalahelo**

"aza mampaory" na "aza mampatezitra"

**fa avy aminy no nanaovana tombo-kase anareo ho amin'ny andron'ny fanavotana**

Ny Fanahy Masina dia manome toky ireo mpino fa hanavotra azy ireo Andriamanitra. Paoly dia miresaka ny Fanahy Masina toy ny hoe marika izay apetrak'Andriamanitra amin'ireo mpino izy mba hampisehoana fa Azy izy ireo. DH: "fa izy no tombo-kase izay manome antoka anareo fa hamonjy anareo Andriamanitra amin'ny andron'ny fanavotana" na "izy no manome antoka anareo fa hanavotra anareo Andriamanitra amin'ny andron'ny fanavotana"

**Ephesians 4:31**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia namita ny fampianarany momba izay tsy tokony ataon'ireo mpino ary hiafarana amin'izay tsy maintsy ataon'izy ireo.

**lalao ny lolom-po rehetra**

"hajanony ny fitezerana momban'ny zavatra ratsy nataon'ny hafa taminao"

**haromontana**

fotoanan'ny hatezerana mafy

**Manàna fahalemam-panahy**

"Fa kosa, tokony ho tsara fanahy ianareo"

**fahatsoram-po**

"tsara fanahy" na "feno fangoraham-po"



## Chapter 5

<sup>1</sup> Noho izany aoka mba ho mpaka tahaka an' Andriamanitra, tahaka ny zanaka malala. <sup>2</sup> Ary mandehana amin'ny fitiavana, araka ny nitiavan'i Kristy antsika ihany koa sy nanomezany ny tenany ho antsika, fanatitra manim-pofona sy sorona ho an'Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa tsy tokony hisy na dia resaka fijangajangana na karazana fahalotoana na tsy fahononan-tena aza eo aminareo, fa tsy mendrika ny olo-masin'Andriamanitra ireo. <sup>4</sup> Aoka tsy hisy mamoaafady, resaka adaladala, ary hanihany tafahoatra \_ fa tsy mendrika ny rehetra amin'ireo. Fa kosa tokony hisy fankasitrahana. <sup>5</sup> Fa afaka mahazo antoka ny amin'izao ianareo, fa tsy hisy mpijangajanga, maloto, na ny mpierina \_ izany hoe, mpanompo sampy \_ manana lova ao amin'ny fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra. <sup>6</sup> Aoka tsy hisy hamitaka anareo amin'ny teny foana, satria noho ireo zavatra ireo dia tonga amin'ny zanaky ny tsy fankatoavana ny hatezeran'Andriamanitra. <sup>7</sup> Noho izany, aza mikambana amin'izy ireo. <sup>8</sup> Fa maizina ianareo fahiny, fa izao ianareo dia fahazavana ao amin'ny Tompo. Mandehana tahaka ny zanaky ny mazava, <sup>9</sup> (fa ny vokatra ny fahazavana dia ao amin'ny fahatsarana rehetra, fahitsiana, sy fahamarinana). <sup>10</sup> ary tadiavo izay mahafinaritra ny Tompo. <sup>11</sup> Aza mikambana amin'ireo asa tsy mamokatry ny haizina, fa ampiharihario kosa ireo. <sup>12</sup> Fa mahamenatra na dia ny manonona ireo zavatra ataon'izy ireo any amin'ny miafina aza. <sup>13</sup> Fa rehefa hazavain'ny fahazavana ny zavatra iray, dia lasa miharihary. <sup>14</sup> Fa ny zavatra rehetra izay miharihary dia fahazavana. Noho izany dia voalaza hoe: "Mifohaza, ianao matory, ary mitsangana amin'ny toeran'ny maty, dia hamiratra aminao Kristy." <sup>15</sup> Mitandrema amin'ny fomba fiainanao \_ tsy tahaka ny tsy hendry fa tahaka ny hendry. <sup>16</sup> Araraoty ny fotoana satria izao andro izao dia ratsy. <sup>17</sup> Noho izany, aza miadaladala, fa takaro hoe inona no sitrapon'ny Tompo. <sup>18</sup> Ary aza manao mamon'ny divay, fa mitondra any amin'ny fahasimban-toetra izany. Fa kosa, aoka ho fenon'ny Fanahy Masina, <sup>19</sup> mifampiresaha aminareo samy ianareo amin'ny salamo sy fihirana ary hiram-panahy, mihira ary mikaloka amin'ny Tompo amin'ny fonareo rehetra. <sup>20</sup> Misaora mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika ho an' Andriamanitra ilay Ray, <sup>21</sup> mifanoloka tena amim-panajana ho an'i Kristy. <sup>22</sup> Ry vehivavy, maneke ny vadinareo, tahaka ny amin'ny Tompo. <sup>23</sup> Fa ny lehilahy no lohan'ny vavy tahaka an'i Kristy koa lohan'ny fiangonana, ary Kristy tenany no mpamonjy. <sup>24</sup> Fa tahaka ny haneken'ny fiangonana an'i Kristy, dia toy izany koa no tokony haneken'ny vehivavy ny vadiny amin'ny zavatra rehetra. <sup>25</sup> Ry lehilahy, tiavo ny vadinareo, tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana sy nanomezany azy ny ainy. <sup>26</sup> Nanolotra ny tenany ho an'ny fiangonana Kristy mba afahany manamasina azy, tamin'ny fanadiovana azy tamin'ny rano fanasana amin'ny teny, <sup>27</sup> mba afahany mampiseho azy ho be voninahitra eo aminy, tsy misy pentina na kentrana na zavatra toy izany, fa masina sady tsy misy diso. <sup>28</sup> Tahaka izany ihany koa ny lehilahy dia tokony ho tia ny vadin'izy ireo avy tahaka ny tenan'izy ireo. Izy izay tia ny vadiny dia tia ny tenany ihany koa. <sup>29</sup> Tsy mbola nisy nankahala ny tenany, fa mamahana sy mikarakara izany tsara, tahaka an'i Kristy mamahana ny fiangonana sy mikarakara azy ihany koa, <sup>30</sup> satria isika dia ratsam- batany. <sup>31</sup> Noho izany antony izany ny lehilahy dia handao ny ray sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny, ary izy roa dia ho tonga nofo iray ihany." <sup>32</sup> Lehibe izany fahamarinana miafina izany \_ fa Izaho dia miresaka momban'i Kristy sy ny fiangonana. <sup>33</sup> Kanefa, ny tsirairay aminareo ihany koa dia tokony ho tia ny vadiny avy tahaka ny tenany, ary ny vehivavy dia tokony hanaja ny vadiny.

### Ephesians 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly manohy milaza ireo mpino ny tokony sy tsy tokony hiainan'izy ireo tahaka ny zanak' Andriamanitra.

#### Noho izany aoka ho mpaka tahaka an' Andriamanitra

"Noho izany dia tokony hanao izay ataon' Andriamanitra ianareo." Ny noho izany dia mitodika any amin'ny 4:31 izay milaza ny antony tokony hakan'ireo mpino tahaka an'Andriamanitra, satria kristy namela ireo mpino.

#### tahaka ny zanaka malala

Andriamanitra dia maniry antsika ny haka tahaka na hanaraka Azy satria zanany isika. DH: "tahaka ny zanaka malala maka tahaka ny rain'izy ireo" na "satria zanany ianareo ary tia anareo fatratra Izy"

### Ephesians 5:3

#### Fa tsy tokony hisy na dia resaka fahavetavetana na fahalotoana na tsy fahononan-tena aza eo aminareo

"Aza manao zavatra izay mety hampieritreritra ny olona fa ianareo dia meloka amin'ny fijangajangana sy karazana fahalotoana na tsy fahononan-tena"

**karazana fahalotoana**  
 "na fahalotoana ara-tsaina"

**Fa kosa tokony hisy fankasitrahana**  
 "'Fa kosa tokony hisaotra an'Andriamanitra ianareo"

### **Ephesians 5:5**

**lova**  
 Ny fandraisana izay nampanantenain'  
 Andriamanitra ireo mpino dia resahina toy ny hoe  
 fananana sy harena nolovaina avy tamin'ny  
 mpikambana ao amin'ny fianakaviana.

**teny foana**  
 Teny izay tsy misy fahamarinana ho azy ireo

### **Ephesians 5:8**

**Fa maizina ianareo fahiny**  
 Tahaka ny tsy ahitan'ny olona iray ao anaty haizina,  
 no tsy hananan'ny olona tia manota ny fahazoana  
 ara-panahy.

**fa izao ianareo dia fahazavana ao amin'ny Tompo**  
 Tahaka ny olona iray afaka mahita ao anaty  
 hazavana, no hahazoan'ny olona izay novonjen'  
 Andriamanitra ny fomba hampifaliana an'  
 Andriamanitra.

**Mandehana tahaka ny zanaky ny mazava**  
 "Miaina toy ny olona izay mahatakatra izay tian'ny  
 Tompo hataon'izy ireo."

**ny vokatry ny fahazavana dia ao amin'ny fahatsarana  
 rehetra, fahitsiana, sy fahamarinana**  
 Tahaka ny hazo mamokatra manome voa tsara, no  
 hanaovan'ny mpino izay tsara, hanaovana ireo  
 zavatra marina tian'Andriamanitra ataony, sy  
 hitenenana teny marina.

**Aza mikambana amin'ny asa tsy mamokatra ny haizina**  
 Paoly miresaka ireo zavatra tsy misy ilàna azy,  
 mampanota izay ataon'ireo tsy mpino toy ny hoe  
 asa ratsy ataon'ny olona any amin'ny maizina izany  
 mba tsy hisy hahita ireo. DH: "Aza manao zavatra  
 tsy misy dikany, mampanota miaraka amin'ireo tsy  
 mpino"

**asa tsy mamokatra**  
 Asa izay tsy manao na inona na inona tsara, ilaina,  
 na mahaso.

**ampiharihario kosa ireo**  
 "ento eo amin'ny mazava izany" na "aza saromana  
 izany" na "ampisehoy ary teneno ny olona ny maha-  
 diso ireo asa ireo"

### **Ephesians 5:13**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Tsy fantatra raha ity teny nambara ity dia  
 fampifangaroan-teny avy amin'Isaia mpaminany na  
 teny nindramina avy amin'ny hira fanevan'ireo  
 mpino.

**ny zavatra rehetra izay miharihary dia fahazavana**  
 "ny olona dia afaka mahita mazava tsara ny zavatra  
 rehetra izay miditra ao amin'ny fahazavana."

**Mifohaza, ianao matory, mitsangàna amin'ny toeran'ny  
 maty**  
 Ireo dika azo heverina: 1) Paoly miresaka amin'ireo  
 tsy mpino izay mila mifoha amin'ny fahafatesana  
 ara-panahy toy ny olona maty tokony ho velona  
 indray mba afahana mamaly, na 2) Paoly miresaka  
 amin'ireo mpino Efesiana ary mampiasa  
 fahafatesana toy ny sariteny ho an'ny fahalemena  
 ara-panahin'izy ireo.

**ianao matory ... hamiratra aminareo**  
 Ny "ianao" dia maneho ilay olona "matory"

**hamiratra aminao Kristy**  
 Kristy dia hanampy ireo tsy mpino hahatakatra ny  
 maha-ratsy ny asany sy ny fomba hamelan'i Kristy  
 azy ary ny hanomezany azy fiainam-baovao, tahaka  
 ny hazavana mampiseho ny tena marina izay  
 afenin'ny haizina.

### **Ephesians 5:15**

**Mitandrema amin'ny fomba fiainanao \_ tsy tahaka ny tsy  
 hendry fa tahaka ny hendry**  
 Ny olona tsy hendry dia tsy miambina ny tenan'izy  
 ireo amin'ny fahotana. Na izany aza ny olona  
 hendry dia afaka mamantatra fahotana ary  
 mandositra izany. DH: "Noho izany dia tsy maintsy  
 mitandrana mba hiaina tahaka ny olona hendry  
 ianareo fa tsy tahaka ny olona adala"

**Araraoty ny fotoana**  
 "Manao zavatra tsara indrindra vitanao  
 amin'ny fotoanao," "Ampiasao am-pahendrena ny  
 fotoananao," na "Ampiasao amin'ny tsara  
 ampiasana azy ny fotoana"

**satria izao andro izao dia ratsy**  
 DH: "satria ny olona manodidina anareo dia manao  
 ireo karazan-javatra ratsy rehetra"

### **Ephesians 5:18**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Paoly mamarana ny fampianarany ny amin'ny fomba  
 tokony hiainan'ny mpino rehetra.

**Ary aza manao mamon'ny divay**  
 "Ary ianareo dia tsy tokony ho mamon'ny fisetroana  
 divay"

**Fa kosa, aoka ho fenon'ny Fanahy Masina**

"Fa tokony hanjakan'ny Fanahy Masina kosa ianareo"

**salamo sy fihirana ary hiram-panahy**

Paoly dia mitanisa karazana mozika miavaka.

**salamo**

Ireo dika azo heverina: 1) teny nalaina avy tao amin'ny Bokin'ny Salamo na 2) ny hira fiderana rehetra

**fihirana**

hira izay midera ny Ray na ny Zanaka

**hiram-panahy**

Ireo dika azo heverina: 1) ireo dia hira momban' Andriamanitra na 2) ireo dia hira nomen'ny Fanahy Masina na 3) ity teny ity dia mitovy amin'ny "fihirana" ary tsy mila teny manasaraka.

**Ephesians 5:22****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly manomboka manazava ny tokony hifanaiken'ny kristianina (5:18). Manomboka amin'ny fampianarana amin'ireo mpivady izy ny amin'ny fomba tokony hifampitondran'izy ireo.

**no lohan'ny vavy ... lohan'ny fiangonana**

Ny teny hoe "loha" dia maneho ny mpitarika.

**Ephesians 5:25****tiavo ny vadinareo**

Eto ny "tiavo" dia maneho ny fanompoana tsy misy fitiavan-tena na fanomezana fitiavana ny vady"

**nanomezany azy ny ainy**

"namela ny olona hamono Azy"

**tamin'ny fanadiovana azy tamin'ny rano fanasana amin'ny teny**

Ireo dika azo heverina: 1) Paoly dia maneho ny fanadiovan'Andriamanitra ny olon'i Kristy amin'ny

tenin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny rano fanaovana batisa ao amin'i Kristy na 2) Paoly dia milaza fa Andriamanitra dia manadio antsika ara-panahy amin'ny fahotantsika amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra raha manadio ny vatantsika amin'ny fanasana amin'ny rano isika.

**nanomezany azy ny ainy ... manamasina azy ... tamin'ny fanadiovana azy**

Paoly miresaka ny fikambanan'ny mpino toy ny hoe vehivavy izay ho vadian'i Jesosy izany. DH: "nanomezany antsika ... manamasina antsika ... tamin'ny fanadiovana antsika"

**tsy misy pentina na kentrona**

Paoly miresaka ny fiangonana toy ny hoe akanjo izay madio sy mbola tsara izany. Mampiasa hevitra mitovy amin'ny fomba roa izy mba hanamafisana ny fahadiovan'ny fiangonana.

**masina sady tsy misy diso**

Ny teny hoe "tsy misy diso" dia midika amin'ny ankapobeny toy ny "masina." Paoly mampiasa ireo roa miaraka mba hanamafisana ny fahadiovan'ny fiangonana"

**Ephesians 5:28****tahaka ny tenan'izy ireo**

DH: "toy ny hitiavany ny tenan'izy ireo manokana"

**mamahana**

"manome sakafo"

**isika dia ratsam-batany**

Ireo mpino dia mifanaraka mba hahatonga ny vatan'i Kristy tahaka ny ratsam-batan'olombelona mifanaraka mba hahatonga olona.

**Ephesians 5:31****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny ambara eto dia nalaina tao amin'ny asa-soratr'i Mosesy ao amin'ny Testamenta Taloha.

## Chapter 6

<sup>1</sup> Ry zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo ao amin'ny Tompo, satria mety izany. <sup>2</sup> "Hajao ny rainao sy ny reninao" (izany no didy voalohany misy fampantanana), <sup>3</sup> "mba hahita soa ianao ary mba ho lava andro iainana eto ambonin'ny tany." <sup>4</sup> Ianareo ray, aza mitondra ny zanakareo ho amin'ny fahatezerana. Fa kosa, tezao amin'ny fitsipika sy ireo fampianaran'ny Tompo izy ireo. <sup>5</sup> Ry mpanompo, mankatoava ny tomponareo ety an-tany amin'ny haja ambony sy fangovitana, amin'ny fahatsoran'ny fonareo. <sup>6</sup> Mankatoava azy ireo tahaka ny hankatoavanareo an'i Kristy. Mankatoava tsy eo imason'ny tomponareo ihany mba hankasitrahana izy ireo. Fa kosa, mankatoava tahaka ny mpanompon'i Kristy, izay manao ny sitrak'Andriamanitra amin'ny fonareo manontolo. <sup>7</sup> Manompoa amin'ny fonareo manontolo, tahaka ny hoe manompo ny Tompo ianareo fa tsy olona, <sup>8</sup> satria fantatsika fa na inona na inona asa tsara ataon'ny olona tsirairay, dia handray valim-pitia avy amin'ny Tompo izy, na andevo izy na olon'afaka. <sup>9</sup> Ianareo Tompo, manaova tahaka ireo zavatra ireo ihany koa amin'ny mpanomponareo. Aza mampihorohoro azy ireo. Fantatrareo fa Izy izay sady Tomponareo no Tompon'izy ireo dia any an-danitra, ary tsy misy fiangarana ao Aminy. <sup>10</sup> Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny tanjaky ny heriny. <sup>11</sup> Itafio ny fiadian'Andriamanitra rehetra, mba afahanao mijoro manohitra ireo tetiky ny devoly. <sup>12</sup> Fa ny adintsika dia tsy manohitra ny nofo sy ny rà. Fa kosa, manohitra ny fanjakana sy ny fahefana ara-panahy sy ireo mpanapaky ny fanjakan'ny fahamaizinan-dratsy, manohitra ireo fanahy ratsy any amin'ny fitoeran-danitra. <sup>13</sup> Noho izany itafio ny fiadian'Andriamanitra rehetra, mba afahanareo mijoro amin'izao andron'ny ratsy izao, ary rehefa vitanareo ny zavatra rehetra, dia hahatohitra ianareo. <sup>14</sup> Mijoroa, noho izany, rehefa avy nanao ny fehikibon'ny fahamarinana sy ny fiarovana-tratran'ny fahitsiana ianareo. <sup>15</sup> Ary tahaka ny kiraro ho an'ny tongotrareo, dia hahatohitra ny fahavononana hitory ny filazantsaran'ny fihavanana. <sup>16</sup> Amin'ny toe-javatra rehetra dia raiso ny ampingan'ny finoana, izay afahanareo manohitra ireo zana-tsipika mirehitra'afon'ilay ratsy. <sup>17</sup> Ary raiso ny aro-lohan'ny famonjena sy ny sabatry ny Fanahy, izay tenin'Andriamanitra. <sup>18</sup> Amin'ny vavaka sy fangatahana rehetra, dia mivavaha amin'ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra. Amin'izany fomba fisainana izany, dia miambena hatrany amin'ny faharetana rehetra, raha manolotra vavaka ho an'ireo olo-masin'Andriamanitra ianareo. <sup>19</sup> Ary mivavaha ho ahy, mba hisy hafatra homena ahy rehefa manokatra ny vavako aho. Mivavaha mba afahako mampahafantatra amin'ny fahasahiana ny fahamarinana miafina momban'ny filazantsara. <sup>20</sup> Ho an'ny filazantsara no maha-ambasadaoro voafatotra amin'ny gadra ahy, mba afahako manambara izany am-pahasahiana, raha tsy maintsy hiteny aho. <sup>21</sup> Tykiko, ilay rahalahy malala sy mpanompo mahatoky ao amin'ny Tompo, no mampahafantatra anareo ny zavatra rehetra, mba hahalalanareo izay ataoko. <sup>22</sup> Nirahiko taminareo izy noho io tanjona io indrindra, mba hahafantarareo ireo zavatra momba anay, ary mba afahany mampahery ny fonareo. <sup>23</sup> Fiadanana ho amin'ireo rahalahy, ary ny fitiavana miaraka amin'ny finoana avy amin'Andriamanitra Ray sy ny Tompo Jesosy Kristy. <sup>24</sup> Ny fahasavana anie ho amin'izay rehetra tia an'i Jesosy Kristy Tompontosika amin'ny fitiavana tsy maty mandrakizay.

### Ephesians 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly manohy manazava ny tokony hifanaiken' ireo Kristianina. Manome fampianarana momban'ireo amkizy, ray, mpiasa, ary tompo izy.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Paoly milaza ny tenin'i Mosesy. Mosesy dia niresaka tamin'ireo olon'Isiraely toy ny hoe olona iray ihany izany.

#### Ry zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo ao amin'ny Tompo

Paoly mampatsiahy ireo zanaka mba hankatoa ny ray aman-drenin'izy ireo ara-nofo.

### Ephesians 6:4

aza mitondra ny zanakareo ho amin'ny fahatezerana  
"aza mampatezitra ny zanakareo" na "aza manao izay mampatezitra ny zanakareo"

tezao amin'ny fitsipika sy ireo fampianaran'ny Tompo izy ireo

""ampio izy ireo mba hitombo amin'ny fampiofanana sy fampianaran'ny Tompo"

### Ephesians 6:5

#### mankatoava

Ity dia baiko.

#### amin'ny haja ambony sy fangovitana

Ny fehezanteny hoe "amin'ny haja ambony sy fangovitana" dia mampiasa teny mitovitovy mba



hanamafisana ny hevitra ny haja sy ny toe-tsain'izy ireo ary ny fihetsika.

#### **fangovitana**

"toy ny hoe mangovitry ny tahotra ianareo"

#### **amin'ny fahatsoran'ny fonareo**

"tena tsotra tanteraka"

#### **tahaka ny mpanompon'i Kristy**

Tompoy toy ny hoe Kristy mihintsy ny tomponareo eto an-tany.

#### **Manompoa amin'ny fonareo manontolo, tahaka ny hoe manompo ny Tompo ianareo fa tsy olona**

"Miasa am-pifaliana, satria miasa ho an'ny Tompo ianareo fa tsy hampifaly ny olona fotsiny.

### **Ephesians 6:9**

#### **manaova tahaka ireo zavatra ireo ihany koa amin'ny mpanomponareo**

"ianareo koa dia tsy maintsy mitondra ireo mpanomponareo tahaka izany" na "tahaka ny hanaovan'ireo mpanompo ny tsara amin'ireo tompony, no tokony hanaovanareo ny tsara amin'ireo mpanomponareo koa (jereo ny 6:5)

#### **Fantatrareo fa Izy izay sady Tomponareo no Tompon'izy ireo dia any an-danitra**

"Fantatrareo fa Kristy no Tompon'ny mpanompo sy ny tompon'izy ireo, ary any an-danitra Izy"

#### **tsy misy fiangarana ao Aminy**

"mitsara ny olona amin'ny fomba mitovy Izy"

### **Ephesians 6:10**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly manome torolalana mba hampahery ireo mpino amin'ity ady iainantsika ho an' Andriamanitra ity.

#### **Itafio ny fiadian'Andriamanitra rehetra, mba afahanao mijoro manohitra ireo tetiky ny devoly**

Ireo Kristianina dia tokony mampiasa ny loharanao rehetra omen'Andriamanitra mba hijoroana tsara manohitra ny devoly toy ny miaramila mitafy fiadiana mba hiarovana ny tenany amin'ny fanafihan'ireo fahavalo.

### **Ephesians 6:12**

#### **nofo sy rà**

Ity fomba fiteny ity dia maneho ny olona, fa tsy ny fanahy izay tsy manana vatan'olombelona.

#### **Noho izany itafio ny fiadian'Andriamanitra rehetra**

Ireo Kristianina dia tokony mampiasa loharano fiarovana izay omen'Andriamanitra azy ireo amin'ny fiadiana ny devoly tahaka ny miaramila mitafy fiadiana mba hiarovana ny tenany amin'ireo fahavalo.

#### **mba afahanareo mijoro amin'izao andron'ny ratsy izao**

Ny teny hoe "mijoro" dia maneho ny fanoherana tsara na fiadiana zavatra. DH: "mba afahanareo manohitra ny devoly"

### **Ephesians 6:14**

#### **Mijoroa, noho izany**

Ny teny hoe "mijoroa" dia maneho ny fanoherana tsara na fiadiana zavatra. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 6:12. "Noho izany tohero ny ratsy"

#### **ny fehikibon'ny fahamarinana**

Ny marina dia mihazona ny zavatra rehetra hiaraka ho an'ny mpino toy ny fehikibo mihazona ny akanjon'ny miaramila hiaraka.

#### **fahamarinana ... fahitsiana**

Isika dia tokony hahalala ny marina ary miasa amin'ny fomba izay ankasitrahan'Andriamanitra.

#### **ny fiarovan-tratran'ny fahitsiana**

Ireo dika azo heverina: 1) ny fanomezana ny fahitsiana dia mandrakotra ny fon'ny mpino toy ny fiarovan-tratra miaro ny tratran'ny miaramila na 2) ny fiainantsika araka ny hitiavan' Andriamanitra antsika, dia manome antsika feon'ny fieritreretana mazava izay miaro ny fonsika toy ny fomba hiarovan'ny fiarovan-tratra ny tratran'ny miaramila.

#### **Ary tahaka ny kiraro ho an'ny tongotrareo, dia hapetaho ny fahavononana hitory ny filazantsaran'ny fihavanana**

Toy ny miaramila manao kiraro mba hanome tongotra mafy tsara azy, no tokony hananan'ny mpino fahalalana mafy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana mba ho vonona hitory izany.

#### **Amin'ny toe-javatra rehetra dia raiso ny ampingan'ny finoana**

Ny mpino dia tokony hampiasa ny finoana izay omen'Andriamanitra ho fiarovana rehefa manafika ny devoly, toy ny miaramila mampiasa ampinga mba hiarovana ny tenany amin'ny fanafihan'ny fahavalo.

#### **zana-tsipika mirehitra'afon'ilay ratsy**

Ny fahafihan'ny devoly manohitra ny mpino dia toy ny zana-tsipika mirehitra'afo atifitryn'ny fahavalo eny amin'ny miaramila.

### **Ephesians 6:17**

#### **Ary raiso ny aro-lohan'ny famonjena**

Ny famonjena nomen'Andriamanitra dia miaro ny sain'ny mpino tahaka ny aro-loha miaro ny lohan'ny miaramila.

#### **ny sabatry ny Fanahy, izay tenin'Andriamanitra**

Ny tenin'Andriamanitra, avy tamin'ny Fanahy Masina, dia ampiasaina mba hiadiana manohitra sy hiarovana ny mpino amin'ny devoly tahaka ny miaramila mampiasa ny sabatrany mba hiadiana sy hiarovana amin'ny fanafihan'ny fahavalo.

**Amin'ny vavaka sy fangatahana rehetra, dia mivavaha amin'ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra**  
"Mivavaha amin'ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra raha mivavaka sy manao fangatahana miavaka ianareo"

**Amin'izany fomba fisainana izany**  
"Mba afaka hivavaka tahaka izany ianareo." Ity dia maneho ny toe-tsaina amin'ny fangalana ny fiarovan'Andriamanitra.

**miambena hatrany amin'ny faharetana rehetra, raha manolotra vavaka ho an'ireo olo-masin'Andriamanitra ianareo**

"Miareta amin'ny fiambenana, ary mivavaha ho an'ny olo-masin'Andriamanitra rehetra" na "mivavaha amin'ny fiambenana maharitra ho an'ireo mpino rehetra"

### **Ephesians 6:19**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Amin'ny famaranany, Paoly dia managatana azy ireo mba hivavaka ho an'ny fahasahiany amin'ny fitoriana ny filazantsara raha any am-pigadrana izy ary milaza fa maniraka an'i Tykiko hampahery azy ireo.

**mba hisy hafatra homena ahy**  
DH: "mba mety hanome ahy ny teny Andriamanitra" na "mba mety hanome ahy ny hafatra Andriamanitra"

**rehefa manokatra ny vavako aho. Mivavaha mba afahako mampahafantatra amin'ny fahasahiana**  
"rehefa miteny aho. Mivavaha mba hanazava am-pahasahiana aho"

**manokatra ny vavako**  
"miteny"

**Ho an'ny filazantsara no maha-ambasadaoro voafatotra amin'ny gadra ahy**  
"Aty am-ponja aho izao satria ambasadaoron'ny filazantsara"

**mba afahako manambara izany am-pahasahiana, raha tsy maintsy hiteny aho**  
DH: "noho izany mivavaha mba na oviana na oviana hampianarako ny filazantsara, dia hiteny izany am-pahasahiana aho raha tokony hiteny" na "mivavaha mba afakaho mitory ny filazantsara am-pahasahiana raha tokony hiteny aho"

### **Ephesians 6:21**

**Tykiko**  
Tykiko dia iray amin'ireo lehilahy maro izay nanompo niaraka tamin'i Paoly.

### **Ephesians 6:23**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
Paoly manakatona ny taratasiny ho an'ireo mpino Efesiana amin'ny tso-dranom-pihavanana sy fahasoavana amin'ireo mpino rehetra izay tia an'i kristy.

## Book: Philippians

### Philippians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly sy Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho an'ireo rehetra voatokana ho an'i Jesosy Kristy izay any Filipy, miaraka amin'ireo mpiandraikitra sy ireo diakona. <sup>2</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>3</sup> Misaotra ny Andriamanitra aho amin'ny fahatsiarovako anareo. <sup>4</sup> Ao amin'ny fivavahako ho anareo rehetra, dia amin'ny fifaliana hatrany no anaovako ny fivavahako. <sup>5</sup> Manome fisaorana aho nohon'ny amin'ny fiombonanareo amin'ny filazantsara nanomboka tamin'ny andro voalohany ka hatramin'izao. <sup>6</sup> Mahatoky an'izao zavatra izao aho, fa Izy izay nanomboka asa tsara taminareo dia hanohy hanatanteraka izany hatramin'ny andron'i Jesosy Kristy. <sup>7</sup> Fa tsara amiko ny mahatsapa toy izany ny amin'ny momba anareo rehetra satria ato am-poko ianareo. Ianareo rehetra dia mpiara-miasa tamiko tamin'ny fahasoavana na tamin'ny figadrako sy tamin'ny fiarovako na koa tamin'ny fanamafisana ny filazantsara. <sup>8</sup> Fa Andriamanitra no vavolombeloko, fa manina anareo fatratra aho amin'ny famindram-pon'i Kristy Jesosy. <sup>9</sup> Ary izaho mivavaka an'izao: mba hitombo hatrany hatrany ny fitiavanareo amin'ny fahalalana sy amin'ny fahazavan-tsaina rehetra. <sup>10</sup> Mivavaka ho an'izany aho mba hanaiky izay tsara dia tsara ianareo, mba ho tso-po sy tsy misy tsiny amin'ny andron'i Kristy. <sup>11</sup> Mivavaka aho mba ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana izay avy amin'i Jesosy Kristy ianareo, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra. <sup>12</sup> Ary tiako ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ireo zavatra izay nitranga tamiko dia niasa ho amin'ny fampandrosoana ny filazantsara tokoa. <sup>13</sup> Vokatr'izany, ny fatorako ao amin'i Kristy dia niharihary mazava nanerana ireo mpiambin'ny lapa manontolo sy ireo olona hafa. <sup>14</sup> Ny ankamaroan'ireo rahalahy dia manana toky lehibe kokoa ao amin'ny Tompo nohon'ny fatorako, ary sahy manambara tsy amin-tahotra ny teny izy ireo. <sup>15</sup> Ny sasany aza dia mitory an'i Kristy amin'ny fialonana sy fifandirana tokoa, ary ireo hafa kosa amin'ny sitrapo tsara. <sup>16</sup> Ireto farany dia manao izany amin'ny fitiavana, mahafantatra fa izaho dia napetraka eto ho fiarovana ny filazantsara. <sup>17</sup> Fa iretsy voalohany dia mitory an'i Kristy amin'ny fitiavan-tena, fa tsy tso-po. Izy ireny dia mihevitra fa hanakorontana ahy raha mbola ao amin'ny fifatorako aho. <sup>18</sup> Inona ary? Amin'ny fomba rehetra, na amin'ny fihatsaram-belatsihy na amin'ny fahamarinana, Kristy no toriana, ary mifaly ny amin'izany aho. Eny, ho faly aho, <sup>19</sup> fa fantatro fa izany dia hiafara amin'ny fanafahana ahy amin'ny alalan'ireo vavakareo sy ny fanampian'ny Fanahin'i Jesosy Kristy. <sup>20</sup> Izany dia araka ny fiandrasako fatratra sy ny antoka fa izaho dia tsy ho menatra mihitsy, ary mbola amin'ny fahasahiana rehetra ihany, ankehitriny tahaka ny hatrizay, dia hisandratra ato amin'ny tenako Kristy, na amin'ny fiainana na amin'ny fahafatesana. <sup>21</sup> Ho ahy ny hoe miaina dia Kristy ary ny hoe maty dia tombony. <sup>22</sup> Fa raha miaina amin'ny nofo aho, dia midika asa mahavokatra ho ahy izany. Kanefa inona no ho fidiako? Tsy fantatro. <sup>23</sup> Fa voatery mafy eo anelanelan'izy roa aho. Ny faniriako dia ny handeha ary hiaraka amin'i Kristy, izay tsara lavitra, <sup>24</sup> kanefa ny mitoetra ao amin'ny nofo dia ilaina kokoa noho ianareo. <sup>25</sup> Resy lahatra ny amin'izany, dia fantatro fa hitoetra sy hanohy hiaraka aminareo rehetra aho, ho an'ny fandrosoanareo sy fifaliana ao amin'ny finoana. <sup>26</sup> Mba ho ao amiko dia hanana antony hireharehana ao amin'i Kristy Jesosy ianareo rehefa miverina any aminareo indray aho. <sup>27</sup> Matondrà tena amin'ny fomba mendrika ny filazantsara an'i Kristy, ka na tonga hijery anareo aho na tsy eo, dia afaka ny handre momba anareo, fa mijoro mafy amin'ny fanahy iray ianareo, amin'ny saina iray miara-miezaka ho an'ny finoana ny filazantsara. <sup>28</sup> Ary aza mety ampitahorin'ireo izay fahavalonareo. Mariky ny fahapotehan'izy ireo izany, fa mariky ny famonjenareo kosa \_ ary izany dia avy amin'Andriamanitra. <sup>29</sup> Fa nomena anareo izany, ho an'i Kristy, tsy hoe mba hinoana Azy fotsiny, fa hijaliana ho Azy koa, <sup>30</sup> fa ianareo dia manana ady mitovy amin'izay hitanareo tamiko, ary izay henonao amiko ankehitriny.

**Philippians 1:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia miarahaba ny olona rehetra ao amin'ny fiangonana ao Filipy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Satria Paoly dia manoratra atsy ho atsy hoe "izaho," izany dia midika fa Paoly no miresaka ary Timoty, izay niaraka taminy, dia manoratra izay lazain'i Paoly. Ny "ianareo" sy "anareo" ao amin'ity taratasy ity dia maneho ny mpino rehetra tao amin'ny fiangonan'i Filipy. Ary ny teny hoe "antsika" dia maneho ny mpino an'i Jesosy rehetra, Paoly, Timoty ary ireo mpino tao Filipy dia ao anatin'ny avokoa.

**mpanompon'i Jesosy Kristy**

"Izahay dia mpanompon'i Kristy Jesosy"

**ho an'ireo rehetra voatokana ho an'i Jesosy Kristy**

"ho an'ireo mpino rehetra an'i Kristy Jesosy"

**mpiandraikitra sy ireo diakona**

"ireo mpitarika fiangonana"

**Philippians 1:3****Manome fisaorana aho nohon'ny amin'ny fiombonanareo amin'ny filazantsara**

Paoly dia maneho fisaorana an'Andriamanitra fa ireo Filipiana ihany koa dia mitory ny filazantsara. DH: "Manome fisaorana an'Andriamanitra aho fa mitory ny filazantsara ianareo"

**Mahatoky an'izao zavatra izao aho**

"Tena mino aho"

**Izy izay nanomboka**

"Andriamanitra, izay nanomboka"

**Philippians 1:7****Fa tsara amiko**

"maha tsara ahy" na "mety amiko"

**ato am-poko ianareo**

"tena tia anareo aho"

**mpiara-miasa tamiko tamin'ny fahasoavana**

"mpandray anjara tamin'ny fahasoavana niaraka tamiko" na "nizara ny fahasoavana niaraka tamiko"

**Andriamanitra no vavolombeloko**

"Andriamanitra mahafantatra" na "Andriamanitra dia mahatakatra"

**amin'ny famindram-pon'i Kristy Jesosy**

Ny hoe "famindram-po" dia afaka adika hoe "fitiavana." DH: "ary izaho dia tia anareo tahaka an'i Jesosy tiantika rehetra"

**Philippians 1:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia mivavaka ho an'ireo mpino tao Filipy ary niresaka momba ny hafaliana ao amin'ny fijaliana ho an'ny Tompo.

**mba hitombo**

Paoly dia miresaka ny fitiavana tahaka ny zavatra izay afaka alaina. DH: "afaka ampitomboina"

**amin'ny fahalalana sy amin'ny fahazavan-tsaina rehetra**

Eto ny "fahazavan-tsaina" dia midika hoe momban an'Andriamanitra ka afaka atao mazava. DH: "rehefa mianatra sy mahatakatra be momba izay mahafaly an'Andriamanitra"

**hanaiky**

Izany dia midika hoe mandinika ireo zavatra ary dia mihazona ireo izay tsara. DH: "manandrana dia misafidy"

**izay tsara dia tsara**

"izay tena tian'Andriamanitra"

**tso-po sy tsy misy tsiny**

Ireo teny roa ireto dia mitovitovy dika ihany. Paoly dia nanambatra ireo mba hanasongadinana ny fitondran-tena madio. DH: "tena tsy manan-tsiny"

**mba ho fenon'ny**

Paoly dia mampitaha ireo mpino ho tahaka ny fitoeran-javatra ka afaka fenoina voankazo. DH: "Izany ihany koa dia hoe Jesosy Kristy mety ahatonga anareo hankatoa an'Andriamanitra bebe kokoa"

**ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana izay avy amin'i**

Ny asa tsaran'ny mpino izay nolazain'Andriamanitra fa tsara dia mahafaly an'Andriamanitra tahaka ny voankazo maniry izay mamy rehefa hoanin'ireo izay mihinana azy. DH: "afaka mampifaly an'Andriamanitra na ny olona hafa amin'ny fomba fiainanareo ankehitriny raha namela ny helokareo Andriamanitra."

**ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra**

Mety ho dikany 1) "avy eo ny olona hafa hahita ny fomba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra" na 2) "avy eo ny olona hidera sy hanome voninahitra an'Andriamanitra noho ireo zavatra tsara hitan'izy ireo ataonareo"

**Philippians 1:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Paoly miteny fa zavatra roa no nitranga noho ny "fandrosoan'ny filazantsara": maro ireo olona ao anatin'ny sy any ivelan'ny lapa nahita hoe maninona izy no ao am-ponja, sy ny Kristiana sasany dia tsy matahotra intsony ny manambara ny vaovao mahafaly.

**Ary tiako**

Eto ny teny hoe "ary" dia manamarika fizarana vaovao an'ilay taratasy.

**ry rahalahy**

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**izay nitranga tamiko**

Paoly dia miresaka momba ny fotoanany tany am-ponja. DH: "ireo zavatra izay niaretako satria nalefa tao am-ponja aho noho ny fitoriako an'i Jesosy"

**niasa ho amin'ny fampandrosoana ny filazantsara tokoa**  
"nahatonga olona maro nihaino ny filazantsara"

**ny fatorako ao amin'i Kristy dia niharihary mazava**

Ny hoe ny "fatorako ao amin'i Kristy" dia milaza hoe nigadra noho i Kristy. Ny hoe "niharihary mazava" dia sarin-teny milaza hoe "lasa fantatra". DH: "Dia lasa fantatra fa migadra noho ny amin'i Kristy aho"

**ny fatorako ao amin'i Kristy dia niharihary mazava nanerana ireo mpiambin'ny lapa manontolo sy ireo olona hafa**

Izany dia afaka adika hoe: "ireo mpiambin'ny lapa sy olona hafa tao Roma dia nahafantatra fa izaho dia mifatotra noho i Kristy"

**ny fatorako ao amin'i Kristy**

Eto ny hoe "ao aminy " dia midika hoe "noho ny". DH: "ny fatorako noho i Kristy" na "ny fatorako satria nampianatra ny olona ny momba an'i Jesosy"

**ny fatorako**

Eto ny teny hoe "fatorako" dia milaza hoe any am-ponja. DH: "ny fanagadrana ahy"

**mpiambin'ny lapa**

Izany dia vondrona miaramila izay manampy ny fiarovana ny amperora Romana

**Philippians 1:15****Ny sasany aza dia mitory an'i Kristy**

"Ny olona sasany dia mitory ny vaovao mahafaly momban'i Kristy"

**amin'ny fialonana sy fifandirana tokoa**

"satria tsy tian'izy ireo ny olona hihaino ahy, ary izy ireo dia te hampisy korontana"

**ary ireo hafa kosa amin'ny sitrapo tsara**

"Fa ny olona sasany manao izany satria izy ireo dia tsara fanahy sy tia manampy"

**Ireto farany**

"Ireo izay mitory an'i Kristy amin'ny sitrapo tsara"

**fa izaho dia napetraka eto ho fiarovana ny filazantsara**  
Ny mety ho dikany 1) "Andriamanitra nifidy ahy mba hiaro ny filazantsara" 2) "Izaho dia ato am-ponja satria niaro ny filazantsara."

**ho fiarovana ny filazantsara**

"mba hampianatra ny olona rehetra fa ny hafatr'i Jesosy dia marina"

**Fa iretsy voalohany**

"ireo hafa" na "fa ireo izay mitory an'i Kristy amin'ny fialonana sy fifandirana"

**raha mbola ao amin'ny fifatorako aho**

Eto ny teny hoe "fifatorako" dia midika hoe fanagadrana DH: "raha mbola nigadra iny aho" na "raha mbola tany am-pigadrana"

**Philippians 1:18****Inona ary?**

Nampiasa izany fanontaniana izany Paoly mba hilazany hoe ahoana ny zavatra tsapany tamin'ny nanoratany izany. Ny mety ho dikany 1) "tsy maninona izany" na 2) ny teny hoe "ny tokony eritreretiko momba izany" dia fantatra ho ampahany amin'ny fanontaniana. DH: "inona ary no tokony eritreretiko momba izany?" na "Izany no eritreretiko momba izany"

**Amin'ny fomba rehetra, na amin'ny fihatsaram-belatsihy na amin'ny fahamarinana, i Kristy no toriana**

"Raha mbola mitory ny amin'i Jesosy ny olona, dia tsy maninona na ataon'izy ireo amin'ny antony tsara na ratsy aza izany"

**ary mifaly ny amin'izany aho**

"Izaho dia faly satria ny olona dia mitory ny momban'i Jesosy"

**ho faly aho**

"hankalaza aho"

**izany dia hiafara amin'ny fanafahana ahy**

"satria nitry an'i Kristy aho, ka Andriamanitra hanavotra ahy"

**amin'ny fanafahana ahy**

Ny mety ho dikan'io fehezanteny io dia hoe 1) Paoly dia maneho fa hisy hamonjy amin'io sedra ratsy io izy, na 2) Paoly dia maneho fa hivoaka ny fonja izy.

**amin'ny alalan'ireo vavakareo sy ny fanampian'ny****Fanahin'i Jesosy Kristy.**

"satria ianareo dia mivavaka ary ny Fanahin'i Jesosy Kristy manampy ahy"

**Fanahin'i Jesosy Kristy**

Fanahy Masina

**Philippians 1:20**

**Izany dia araka ny fiandrasako fatratra sy ny antoka**  
Ny teny hoe " fiandrasako fatratra" sy "antoka" dia mitovitovy dika eto. Paoly dia mampiasa ireo teny ireo miaraka mba hanasongadinana ny hamafin'ny fiandrasany.

**ary mbola amin'ny fahasahiana rehetra ihany, ankehitriny tahaka ny hatrizay, dia hisandratra ato amin'ny tenako i Kristy**  
DH: "fa mino sy manantena miaraka amin'ny fahasahiana aho, ankehitriny tahaka ny hatrizay, fa hisandratra ato amin'ny tenako i Kristy"

**fahasahiana rehetra ihany, ankehitriny tahaka ny hatrizay**  
"Ary izaho dia tena ho sahy, toy ny efa nasahiko foana hatrizay"

**dia hisandratra ato amin'ny tenako i Kristy**  
Ny hoe "tenako" dia milaza izay ataon'i Paoly amin'ny vatany. Mety ho dikany 1) "Hanome voninahitra an'i Kristy amin'izay ataoko aho" na 2) "ny olona dia hidera an'i Kristy noho izay ataoko"

**na amin'ny fiainana na amin'ny fahafatesana**  
"raha hiaina na raha ho faty"

**Ho ahy ny hoe miaina dia Kristy ary ny hoe maty dia tombony.**  
"satria raha handeha hiaina aho, dia hiaina mba hahafaly an'i Jesosy, ary raha maty aho, dia ho tsara kokoa aza.

**Philippians 1:22**

**Fa raha miaina amin'ny nofo aho**  
Ny teny hoe "nofo" eto dia milaza hoe ny vatana, ary ny "miaina amin'ny nofo" dia midika hoe velona. DH: "Fa raha mijanona velona ato amin'ny vatako aho" na "Fa raha manohy miaina aho"

**midika asa mahavokatra ho ahy izany**  
Eto ny "mahavokatra" dia milaza ny vokatra tsara amin'ny asan'i Paoly. DH: "midika izany fa afaka miasa aho ary ny asako dia hanome vokatra tsara" na "avy eo dia hanana fahafahana maro aho amin'ny fampaherezana ny olona hino an'i Kristy"

**Fa voatery mafy eo anelanelan'izy roa aho**  
Paoly dia miresaka ny fasahiranany tamin'ny fifidianany ny ho velona sa ny ho faty tahaka ny hoe zavatra roa mavesatra be, tahaka ny vato na vatan-kazo, izay miaraka misintona azy amin'ny andaniny sy ny ankilany. DH: "Misy misintona aho. Tsy aiko hoe inona no tokony safidiko ny ho velona sa ny ho faty"

**Ny faniriako dia ny handeha ary hiaraka amin'i Kristy**  
Paoly eto dia milaza fa tsy matahotra ny ho faty. DH: "Izaho dia te-ho faty satria izaho dia handeha mba hiaraka amin'i Kristy"

**Philippians 1:25**

**Resy lahatra ny amin'izany**  
"Satria resy lahatra aho fa tsara kokoa ho anao raha velona"

**fantatro fa hitoetra**  
"fantatro fa mbola hiaina" na "fantatro fa hiaina hatrany aho"

**Mba ho ao amiko**  
"mba noho izaho" na "mba noho izay nataoko"

**fa mijoro mafy amin'ny fanahy iray ianareo, amin'ny saina iray miara-miezaka ho an'ny finoana ny filazantsara**  
Ny hevitra ny fehezanten'ny roa eto dia mitovy ihany ary manasongadina ny lanjan'ny firaisan-kina.

**amin'ny saina iray miara-miezaka**  
Ny mifanaiky amin'izy samy izy dia midika hoe miteny tahaka ny hoe saina iray ihany. DH: "mifanaiky sy miara-miezaka"

**miara-miezaka**  
"miaraka miasa mafy"

**ho an'ny finoana ny filazantsara**  
Mety ho dikany 1) "manaparitaka ny finoana izay mifototra amin'ny filazantsara" na 2) "Mino sy miaina arak'izay nampianarin'ny filazantsara antsika"

**Philippians 1:28**

**Ary aza mety ampitahorin'ireo izay fahavalonareo**  
Ity dia didy ho an'ireo mpino Filipiana.

**Mariky ny fahapotehan'izy ireo izany, fa mariky ny famonjenareo kosa \_ ary izany dia avy amin'Andriamanitra.**  
Ny fahasahinareo dia hampiseho azy ireo fa Andriamanitra dia hamotika azy ireo. Izany koa dia mampiseho antsika ihany koa fa Andriamanitra hanavotra antsika"

**fa ianareo dia manana ady mitovy amin'izay hitanareo tamiko, ary izay henonao amiko ankehitriny.**  
"Izany no mahatonga anareo mijaly tahaka ny nahitanareo ahy nijaly, ary renareo fa mbola mijaly aho"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Raha misy fampaherezana ao amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavany, raha misy firaisana ao amin'ny Fanahy, raha misy famindram-po lehibe sy fiantrana, <sup>2</sup> dia ataovy feno ny fifaliako amin'ny fisainana tahaka izany, amin'ny fananana fitiavana mitovy, amin'ny firaisana am-panahy, ary amin'ny fananana tanjona mitovy. <sup>3</sup> Aza manao na inona na inona amin'ny fitiavan-tena na fanandratan-tena foana. Fa amin'ny fanetren-tena kosa dia mihevera ny hafa mihoatra ny tenanareo. <sup>4</sup> Tokony tsy hitady izay mahasoa ny tenanareo ihany ny tsirairay aminareo, fa izay mahasoa ny hafa ihany koa. <sup>5</sup> Mihevera tahaka ny fisainana izay tao amin'i Kristy Jesosy ihany koa. <sup>6</sup> Efa nisy araka ny endrik'Andriamanitra Izy, fa tsy nihevitra izany fitoviany amin'Andriamanitra izany ho zavatra hifikirana Izy. <sup>7</sup> Ny mifanohitra amin'izany, nofoanany ny tenany. Naka ny endriky ny mpanompo Izy. Ary niseho ho tahaka ny olombelona Izy. Ary hita nitovy tamin'olombelona Izy. <sup>8</sup> Nanetry tena Izy ary tonga mpankatoa hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesan'ny hazofijaliana! <sup>9</sup> Noho izany dia nasandratr'Andriamanitra avo dia avo ihany koa Izy. Nomeny ilay Anarana izay ambonin'ny anarana rehetra Izy. <sup>10</sup> Nataony izany mba ho amin'ny Anaran'i Jesosy no handohalihan'ny lohalika rehetra, ny lohalik'ireo izay any an-danitra sy ety an-tany ary any ambanin'ny tany. <sup>11</sup> Nataony izany haneken'ny lela rehetra fa i Jesosy Kristy no Tompo, ho voninahit'Andriamanitra Ray. <sup>12</sup> Noho izany, ry malalako, tahaka ny ankatoavanareo hatrany, tsy eo amin'ny fanatrehako ihany fa mihoatra lavitra aza ankehitriny rehefa tsy eo aho, dia aseho amin'ny tahotra sy hovitra ny famonjena anareo. <sup>13</sup> Satria Andriamanitra no miasa ao aminareo mba ho vonon-kanao no sady hiasa ho an'ny fifaliany ianareo. <sup>14</sup> Ataovy tsy am-pitarainana na fiadian-kevitra ny zavatra rehetra. <sup>15</sup> Manaova toy izany mba ho tonga zanak'Andriamanitra tsy misy tsiny sady marina, tsy misy kilema ianareo. Miasa toy izany mba hamirapiratanareo tahaka ny fahazavana eo amin'izao tontolo izao, eo afovoan'ny taranaka meloka sady maditra. <sup>16</sup> Mifikira mafy amin'ilay Tenin'ny fiainana mba hananako antony hireharehana amin'ny andron'i Kristy. Fa amin'izany dia ho fantatro fa tsy very maina ny nihazakazahako ary tsy very maina ny niasako. <sup>17</sup> Fa na dia ahidina ho fanatitra eo amin'ny sorona sy fanompom-pinoana aza aho, dia mifaly aho, ary miara-mifaly aminareo rehetra aho. <sup>18</sup> Ary tahaka izany koa no hifalianareo, ary miara-mifaly amiko ianareo. <sup>19</sup> Fa manantena ao amin'i Tompo Jesosy aho fa handefa an'i Timoty any aminareo faingana, mba hahery ihany koa aho rehefa fantatro ny zavatra momba anareo. <sup>20</sup> Fa tsy manana olona hafa mitovy toe-tsaina aminy aho, izay tena manahy ny aminareo. <sup>21</sup> Fa izy rehetra dia mitady ny tombon-tsoany, fa tsy ny zavatr'i Jesosy Kristy. <sup>22</sup> Fa fantatrareo ny fahamendrehany, satria tahaka ny zaza manompo ny rainy, no nanompoany niaraka tamiko tao amin'ny filazantsara. <sup>23</sup> Koa manantena ny handefa azy aho raha vao hitako hoe manao ahoana ny fandehan-javatra aty amiko. <sup>24</sup> Fa matoky ny Tompo aho fa ho avy any faingana koa ny tenako. <sup>25</sup> Fa mieritreritra aho fa ilaina ihany koa ny mampiverina an'i Epafrodito any aminareo. Ralahiko izy sy mpiara-miasa no mpiara-miady, sady mpitondra hafatreo izy no mpanompo amin'izay ilaiko. <sup>26</sup> Fa trahoriana mafy izy, ary manina ny hiaraka taminareo rehetra izy, satria renareo fa narary izy. <sup>27</sup> Fa tena narary izy ka efa saika maty. Fa namindra fo taminy Andriamanitra, ary tsy taminy irery, fa tamiko koa, mba tsy hananako alahelo ambonin'ny alahelo. <sup>28</sup> Koa dia amim-paharisihana lehibe rehetra no handefasako azy, ka rehefa hahita azy indray ianareo dia mba hifaly ka dia ho afaka kokoa amin'ny fanahiako aho. <sup>29</sup> Raiso ao amin'ny Tompo Epafrodito miaraka amin'ny fifaliana rehetra. Hajao ny olona tahaka azy. <sup>30</sup> Fa ho an'ny asan'i Kristy no nanakaikezany ny fahafatesana. Fa nanao vy verin'ny ainy izy hanompoana ahy mba hanatanterahany izay tsy afaka nataonareo tamin'ny fanompoana tamiko.

### Philippians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly dia manoro ireo mpino fa tokony manana firaisan-kina sy fanetren-tena ary mampahatsiahy azy ireo ny ohatra nataon'i Kristy.

**Raha misy fampaherezana ao amin'i Kristy**  
"raha nampahery anareo i Kristy"

**raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavany**  
"raha toa ka nanome fampiononana ho anareo ny fitiavany"

**raha misy firaisana ao amin'ny Fanahy**  
"raha toa ianareo manana firaisana amin'ny Fanahy"

**raha misy famindram-po lehibe sy fiantrana**  
"raha toa ianareo ka nahatsapa ny asan'ny famindram-po sy fiantran'Andriamanitra"

**ataovy feno ny fifaliako**

Paoly dia miresaka ny fifaliana ho tahaka ny hoe rano mameno siny. DH: "mahatonga ahy hifaly be"

**Philippians 2:3****Aza manao na inona na inona amin'ny fitiavan-tena na fanandratan-tena foana**

"Aza manompo ny tenanareo na mieritreritra ny tenanareo ho tsara noho ny hafa"

**Tokony tsy hitady izay mahasoana ny tenanareo ihany ny tsirairay aminareo, fa izay mahasoana ny hafa ihany koa**  
 "Aza dia izay ilainareo ihany no tandremena fa izay ilain'ny hafa koa"

**Philippians 2:5****Mihevera tahaka ny fisainana izay tao amin'i Kristy Jesosy ihany koa**

"Manana toe-tsaina mitovy amin'i Kristy Jesosy" na "eritrereto ireo zavatra toy ny nataon'i Jesosy"

**fa tsy nihevitra izany fitoviany amin'Andriamanitra izany ho zavatra hifikirana Izy**

Ny dikan-teny hafa dia milaza hoe: "nandritry ny fotoanan'i Kristy teto an-tany, dia tsy nitsahatra ny ho Andriamanitra Izy, fa kosa, najanony ny asa amin'ny maha Andriamanitra.

**nofoanany ny tenany**

Eto dia milaza izany fa Kristy dia tsy nety nampiseho ny maha Izy Azy tamin'ny tsy fanekenany ny anaovany asa amin'ny heriny avy any an-danitra nandritry ny fampianarany teto an-tany.

**Ary hita nitovy tamin'olombelona Izy. Nanetry tena Izy**

Ny teny hoe "Ary hita nitovy" dia fomba fiteny ny hoe "lasa ..." . DH: "Lasa olombelona, Izy dia nanetry tena"

**tonga mpankatoa hatramin'ny fahafatesana**

Mety manondro toerana: "Kristy nandeha tamin'ny lalana rehetra ho any amin'ny fahafatesana" na manondro fotoana: "Kristy dia nankatoa na dia hatramin'ny fotoana nahafatesana aza"

**dia ilay fahafatesan'ny hazo fijaliana**

"dia ilay fahafatesana eo amin'ny hazofijaliana"

**Philippians 2:9****ilay Anarana izay ambonin'ny anarana rehetra**

Eto ny "Anarana" dia maneho ny laharana na voninahitra. DH: "ny laharana izay ambonin'ny hafa" na "ny voninahitra izay ambonin'ny hafa"

**ambonin'ny anarana rehetra**

Ilay Anarana izay manan-danja bebe kokoa ka mendrika ny ho deraina noho ny anarana hafa.

**amin'ny Anaran'i Jesosy**

Mety ho dikany 1) "rehefa mahare ny anaran'i Jesosy ny olona rehetra" na 2) "ho voninahitr'i Jesosy"

**handohalihan'ny lohalika rehetra**

Eto ny "lohalika" dia maneho ny olona rehetra, ny mandohalika dia fomba ilazana ny hoe mankalaza. DH: "ny olona rehetra dia hankalaza an'Andriamanitra"

**any ambanin'ny tany**

Mety ho dikany 1) Ilay toerana izay alehan'ny olona rehefa maty na 2) Ilay toerana misy ny demonia

**ny lela rehetra**

Eto ny "lela" dia manondro ny olona rehetra. DH: "ny olona rehetra" na "ny olombelona rehetra"

**ho voninahitr'Andriamanitra Ray.**

Eto ny hoe "ho" dia manambara vokatry: "miaraka amin'ny vokatry hoe hidera an'Andriamanitra Ray izy ireo"

**Philippians 2:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia mankahery ireo mpino Filipiana ary dia mampiseho azy ireo hoe ahoana ny miaina ny fiainana Kristiana talohan'ny sasany sy mampahatsiahy azy ireo ny nataony.

**ry malalako**

"ry namana mpino malala"

**eo amin'ny fanatrehako**

"rehefa miaraka aminareo eo aho"

**tsy eo aho**

"rehefa tsy miaraka aminareo eo aho"

**asehoy ... ny famonjena anareo**

Ny hoe "asehoy ny famonjena anareo" dia milaza hoe "manohy mankatoa an'Andriamanitra"

**amin'ny tahotra sy hovitra**

Ny tahotra sy hovitry dia mitovy hevitra ihany. Paoly dia mampiasa izany mba hanasongadinana ny fanajana eo anatrehan'Andriamanitra. DH: "mangovitry ny tahotra" na "am-panajana tanteraka"

**vonon-kanao no sady hiasa**

"Miasa Andriamanitra mba haniry hankatoa Azy ianareo ary avy eo mba hakantoa Azy ianareo"

**Philippians 2:14****tsy misy tsiny sady marina**

DH: "tena tsy manan-tsiny"



**zanak'Andriamanitra ... tsy misy kilema**  
 "zanak'Andriamanitra tsy misy kilema" na  
 "zanak'Andriamanitra tonga lafatra"

**hamirapiratanareo tahaka ny fahazavana**  
 Eto Paoly dia miresaka an'ireo mpino ho tahaka ny  
 fahazavana izay manazava ny haizina, manampy  
 ireo hafa mba hahita fomba hanomezam-  
 boninahitra an'Andriamanitra"

**eo amin'izao tontolo izao**  
 Ny teny hoe "izao tontolo izao" dia ireo soatoavina  
 sy fitondran-tena izay tsy manome voninahitra  
 an'Andriamanitra.

**meloka sady maditra**  
 Ireo teny roa ireo dia mitovy dika ihany. Paoly  
 nampiasa ireo teny roa ireo mba hanasongadinana  
 fa ratsy fanahy ny taranaka. DH: "Tena ratsy  
 fanahy"

**Mifikira mafy amin'ilay Tenin'ny fiainana**  
 Paoly dia miteny toy ny hoe ny Tenin'Andriamanitra  
 dia tahaka ny zavatra azo kasia-tanana.

**hireharehàna**  
 "mifaly" na "faly"

**amin'ny andron'i Kristy**  
 Izany dia maneho ny andro izay hiverenan'i Jesosy  
 ka hananganany ny fanjakany ka hanapaka ny tany.  
 DH: "rehefa miverina i Kristy"

**tsy very maina ny nihazakazahako ary tsy very maina ny niasàko**  
 Ny hoe "tsy very maina ny nihazakazahako" sy ny "  
 very maina ny niasàko" dia mitovy dika ihany. Paoly  
 nampiasa ireo teny roa ireo mba hanasongadinana  
 ny hoe niasa mafy izy mba hanampiany ireo olona  
 hino an'i Kristy. DH: "Tsy niasa mafy tamin'ny tsy  
 antony aho"

**nihazakazahako**  
 Ny Soratra Masina dia milaza indraindray hoe ny  
 "fandehanana" dia midika ho fiainana. Ny  
 mihazakazaka dia miaina mafy ny fiainana

## Philippians 2:17

**Fa na dia ahidina ho fanatitra eo amin'ny sorona sy fanompom-pinoana aza aho, dia mifaly aho, ary miara-mifaly aminareo rehetra aho**  
 Paoly dia miresaka momba ny fahafatesany ho  
 tahaka ny biby izay atao sorona ka nandrarahana  
 divay na menaka oliva. Paoly dia manambara fa te-  
 ho faty am-pifaliana ho an'i Filipiana raha izany no  
 maha tonga azy ireo ankasitrahana'Andriamanitra  
 kokoa. DH: "Fa, na dia tapa-kevitra ny hamono ahy  
 ary ny Romana, izaho dia hifaly be raha ny  
 fahafatesako no mahatonga ny finoanareo sy ny  
 fankatoavanareo ankasitrahana'Andriamanitra  
 kokoa"

**izany koa no hifalianareo, ary miara-mifaly amiko ianareo.**  
 Izany fomba fiteny roa miaraka izany dia milaza  
 hafaliana be. DH: "Izaho dia mila anareo faly be  
 miaraka amiko"

## Philippians 2:19

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 Paoly dia miteny an'ireo mpino Filipiana momba ny  
 fikasany handefa an'i Timoty atsy ho atsy.

**Fa manantena ao amin'i Tompo Jesosy aho**  
 "Fa, raha ny Tompo Jesosy no vonona, dia  
 manantena aho"

**Fa tsy manana olona hafa mitovy toe-tsaina aminy aho**  
 "Tsy misy olona hafa eto tia mihoatra anareo noho  
 izy"

**Fa izy rehetra**  
 Ny "izy rehetra" dia vondron'olona izay tsy  
 atokisan'i Paoly halefa any Filipi. Paoly dia maneho  
 ny tsy fifaliany amin'ireo vondron'olona ireo, izay  
 tokony afaka mandeha, fa Paoly dia tsy natoky azy  
 ireo ny amin'ny fanantaterahana io asa io.

## Philippians 2:22

**tahaka ny zaza manompo ny rainy, no nanompoany niaraka tamiko**  
 Paoly dia miresaka an'i Timoty, izay nanompo an'i  
 Jesosy niaraka tamin'i Paoly. Paoly dia manamafy ny  
 fifandraisan'ny ray sy zanaka izay azony niaraka  
 tamin'i Timoty tamin'ny fanompoana an'i Kristy.

**tao amin'ny filazantsara**  
 Eto ny "filazantsara" dia midika hoe asa izay ilazana  
 amin'ny olona ny momba an'i Jesosy. DH: "amin'ny  
 fitenenana ny olona momba ny filazantsara"

**matoky ny Tompo aho fa ho avy any faingana koa ny tenako.**  
 "Mahatoky aho, raha sitrapon'ny Tompo, fa ho avy  
 faingana koa aho"

## Philippians 2:25

**Epafrodito**  
 Izany dia anaran'ilay olona izay nalefan'ny  
 fiangonana Filipiana hikarakara an'i Paoly tany am-  
 ponja.

**mpiara-miasa no mpiara-miady**  
 Eto Paoly dia miresaka an'i Epafrodito tahaka ny  
 hoe miaramila izy. Ny tiany lazaina dia hoe  
 Epafrodito dia efa nampiofanina sy nanokan-tena  
 hanompo an'Andriamanitra, na toy inona  
 hamafin'ny fijaliana izay ho zakainy. DH: "namana  
 mpino izay miasa sy mitolona miaraka aminay"

**mpitondra hafatrareo izy no mpanompo amin'izay ilaiko**  
"izay mitondra ny hafatrareo aty amiko ary  
manampy ahy rehefa ao anatin'ny tsy fahampiana"

**tra-pahoriana mafy izy, ary manina ny hiaraka taminareo rehetra izy**

"izy dia tena nanahy sy nitady ny mba hiaraka  
amintsika rehetra"

**alahelo ambonin'ny alahelo**

DH: "ny alahelo tamin'ny fisarahana taminy niampy  
ny alahelo izay azoko tamin'izaho tao am-ponja"

### **Philippians 2:28**

**ho afaka kokoa amin'ny fanahiako aho**

"Ho lasa tsy dia manahy aho" na "Tsy dia manahy  
be loatra noho ny teo aloha aho"

**raiso i Epafrodito**

"Raiso amim-pifaliana i Epafrodito"

**ao amin'ny Tompo Epafrodito miaraka amin'ny fifaliana rehetra**

"Amin'ny maha namana mpino ao amin'ny Tompo  
amin'ny fifaliana rehetra" na "miaraka amin'ny  
hafaliana lehibe izay ananantsika satria ny Tompo  
Jesosy dia tia antsika"

**no nanakaikazany ny fahafatesana**

Paoly dia miresaka ny fahafatesana tahaka ny hoe  
toerana afaka andehanana any.

**hanatanterahany izay tsy afaka nataonareo tamin'ny fanompoana tamiko.**

Paoly dia miresaka ny zavatra ilainy tahaka ny hoe  
fitahirinzan-javatra izay ho fenoin'i Epafrodito  
zavatra tsara ho an'i Paoly

## Chapter 3

<sup>1</sup> Farany, ry rahalahy, mifalia ao amin'ny Tompo. Tsy manahirana ahy ny mamerina manoratra ireny zavatra ireny ho anareo. Ire ny zavatra ireny dia hiaro anareo. <sup>2</sup> Mitandrema amin'ireo amboa. Mitandrema amin'ireo mpanao ratsy. Mitandrema amin'ireo fanapahana rantsam-batana. <sup>3</sup> Fa isika no voafora. Ary Isika no manompo amin'ny Fanahin'Andriamanitra. Ary isika no mirehareha ao amin'i Kristy Jesosy, ary tsy mitoky amin'ny nofo. <sup>4</sup> Na izany aza, izaho tenako dia afaka mitoky amin'ny nofo. Raha misy olona mihevitra fa izy dia manana fahatokisana amin'ny nofo, afaka manao mihoatra noho izany aho. <sup>5</sup> Noforaina tamin'ny andro fahavalo aho, teraka tao amin'ny vahoakan'Isiraely, tao amin'ny fokon'ny Benjamina, Hebreo tao amin'ireo Hebreo aho; araky ny lalàna, dia Fariseo aho. <sup>6</sup> Tamin'ny zotom-po, dia nananjika ny fiangonana aho; Raha ny amin'ny fahamarinana ambanin'ny lalàna, dia tsy nanan-tsiny aho. <sup>7</sup> Fa na inona na inona tombony ho ahy, dia noraisiko ho toy ny fatiantoka ireny nohon'ny amin'i Kristy. <sup>8</sup> Raha ny tena izy, nisaiko ho faty antoka avokoa ireo zavatra rehetra nohon'ny halehiben'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko. Noho Izy dia nariako ny zavatra rehetra. Heveriko ho fako ireny mba hahazoako an'i Kristy <sup>9</sup> ary ho hita ao Aminy aho. Tsy manana ny fahamarinana ho an'ny tenako avy amin'ny lalàna aho. Fa kosa, manana ny fahamarinana izay tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy aho, fahamarinana avy amin'ny Andriamanitra izay mifototra amin'ny finoana. <sup>10</sup> Koa ankehitriny dia te hahafantatra Azy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ireo fijaliany aho. Te hiova amin'ny alalan'i Kristy aho mba hanahaka ny fahafatesany, <sup>11</sup> mba hahafahako mahatsapa ny fitsanganana amin'ny maty. <sup>12</sup> Tsy marina fa efa nandray ireo zavatra ireo sahady aho, na koa hoe tonga tanteraka aho. Fa miezaka aho mba handrombahako ilay nandrombahan'i Kristy Jesosy ahy. <sup>13</sup> Ry rahalahy, tsy mieritreritra aho fa ny tenako dia efa nandrombaka izany. Fa misy zavatra iray: Adinoiko izay any aoriana ary miezaka ho an'izay eo aloha aho. <sup>14</sup> Miezaka manatratra ny tanjona aho mba hahazo ny lokan'ny antso avy any ambony avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy jesosy. <sup>15</sup> Isika rehetra izay matotra, aoka isika hieritreritra tahaka izany; ary raha misy eritreritrareo hafa momba zavatra rehetra, dia ho asehon'Andriamanitra aminareo ihany koa izany. <sup>16</sup> Kanefa, na inona na inona efa tratrantsika, aoka isika hifikitra amin'izany. <sup>17</sup> Aoka ho mpaka tahaka ahy, ianareo ry rahalahy. Diniho akaiky ireo izay mandeha araka ny ohatra izay hitanareo ao aminay. <sup>18</sup> Maro ireo mandeha \_ ireo izay efa nolazaiko anareo matetika, ary ankehitriny aho milaza aminareo amin-dranomaso \_ tahaka ny fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy. <sup>19</sup> Fandringanana no fiakaran'izy ireo. Fa ny kibony no andriamaniny, ary ny fireharehan'izy ireo dia ao amin'ny fahamenarany. Mieritreritra ny zavatr'izao tontolo izao izy ireo. <sup>20</sup> Fa any an-danitra ny fanjakantsika, izay hiandrasantsika Mpamonjy ihany koa, dia ny Tompo Jesosy kristy. <sup>21</sup> Izy dia hanova ny vatanantsika izay malemy mba ho vatana manahaka ny vatany feno voninahitra, izay natao tamin'ny herin'ny fahefany mba hampanaiky ny zavatra rehetra amin'ny tenany.

### Philippians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Mba hampitandremana ireo namana mpino ny amin'ireo Jiosy izay miezaka ny ampanaraka azy ireo ny lalàna taloha, Paoly dia nanome ny fijoroany vavolombelona momban'ny fanenjehany ny mpino.

#### Farany, ry rahalahy

"Miresaka zavatra hafa, ry rahalahiko" na "amin'ny raharaha hafa, ry rahalahiko"

#### ry rahalahy

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

#### mifalia ao amin'ny Tompo

"mifalia noho ireo rehetra izay nataon'ny Tompo"

#### Tsy manahirana manelingelina

#### Ireny zavatra ireny dia hiaro anareo

Ny fampianaran'i Paoly no lazaina fa "ireny zavatra ireny eto". Fa afaka adika hoe: "satria izany fampianarana izany dia hiaro anareo amin'ireo izay mampianatra ny tsy marina"

#### ireo amboa ... mpanao ratsy ... fanapahana rantsam-batana

Ireo dia fomba telo ahafahana mamaritra ny vondrona mitovin'ny mpampianatra sandoka. Paoly dia nampiasa fomba fiteny mahery entina hampitana ny fahatsapany mahakasika ireo Jiosy Kristiana mpampianatra.

#### amboa

Ny "amboa" dia nampiasain'ireo Jiosy ilazana ireo olona tsy Jiosy. Izay nataon'izy ireo hoe tsy madio. Paoly dia milaza ireo mpampianatra sandoka ho tahaka ny amboa, mba haniratsirana azy ireo.

**fanapahana rantsam-batana**

Eto Paoly dia manao filaza-masaka momba ny famorana mba hanakianana ireo mpampianatra sandoka. Ny mpampianatra sandoka dia miteny hoe Andriamanitra dia tsy manavotra ny olona tsy voafora, izay tsy nanapaka ny lohan-tsitsiny. Izany fanao izany dia notakiana tamin'ireo lehilahy Israelita rehetra tamin'ny alalan'ny lalàn'i Mosesy.

**Fa isika**

Paoly dia mampiasa ny "isika" eto entina manondro ny tenany ary ireo mpino marina rehetra ao amin'i Kristy, anisan'izany ireo mpino Filipiana.

**no voafora**

Paoly eto dia miresaka ireo mpino ao amin'i Kristy izay tsy voafora ara-batana fa kosa voafora arapanahy, izay midika hoe nandray ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ny finoana. "Tena olon'Andriamanitra"

**ary tsy mitoky amin'ny nofo**

"Aza matoky fa ny fanapahana ny rantsam-batantsika ihany no hampifaly an'Andriamanitra"

**Philippians 3:4****Na izany aza**

"nefa" na "na izany aza"

**izaho tenako dia afaka mitoky amin'ny nofo. Raha misy olona mihevitra fa izy dia manana fahatokisana amin'ny nofo, afaka manao mihoatra noho izany aho**

Paoly dia miteny fa raha azo atao ny fanavotan'Andriamanitra ny olona mifototra amin'ireo izay nataon'izy ireo, dia azo antoka fa navotan'Andriamanitra izy. DH: "Tsy misy afaka manao ny ampy mba hahafaly an'Andriamanitra, fa raha misy olona mahavita manao ny ampy mba hampifaliana an'Andriamanitra, izaho dia afaka manao zavatra tsara sy mampifaly an'Andriamanitra mihoatra izany olona izany"

**izaho tenako**

Paoly dia mampiasa izany fomba fiteny izany mba hanasongadinana ny "izaho mihitsy"

**Noforaina aho**

DH: "ny mpisorona no namora ahy"

**andro fahavalo**

"fito andro taorian'ny nahaterahako"

**Hebreo tao amin'ireo Hebreo**

Mety ho dikany 1) "Zanaka Hebreo miaraka amin'ny ray aman-dreny Hebreo" na 2) "Hebreo madio indrindra"

**araky ny lalàna, dia Fariseo**

Ny hany fomba ahafahan'ny Jiosy iray ho lasa Fariseo dia tsy maintsy haterakin'ny Ray Fariseo izy. Fa izany dia nametraka adidy ilay olona ny hiaina toy ny Fariseo, miaraka amin'ny fanoloran-

tena manokana amin'ny lalàn'i Mosesy. "tahaka ny Fariseo, izaho dia tena nanolo-tena ho an'ny lalàna.

**Philippians 3:6****Tamin'ny zotom-po, dia nanenjika ny fiangonana aho**

Paoly dia milaza fa dia tena mazoto mihintsy izy nampijaly ireo mpanara-dia an'i Kristy. "Izaho dia tena nazoto nampijaly ireo mpino Kristiana"

**Raha ny amin'ny fahamarinana ambanin'ny lalàna**

"Izaho dia nankatoa ny lalàna tanteraka"

**na inona na inona tombony ho ahy,**

Paoly eto dia miresaka ny dera azony tamin'ny maha-Fariseo mazoto azy. Izy dia miresaka ireo dera ireo toy ny hoe tombontsoan'ny mpandraharaha ny fahitany azy taloha. DH: "Zavatra izay nideran'ireo Jiosy hafa azy"

**noraisiko ho toy ny fatiantoka ireny**

Paoly dia miresaka izany fiderana izany tahaka ny hoe faty antoka fa tsy tombony. Raha amin'ny fomba fiteny hafa dia hoe: Paoly dia milaza fa ny zava-drehetra ataon'ny fiangonany dia tsy misy vidiny eo anatrehan'i Kristy

**Philippians 3:8****Raha ny tena izy**

"Tena marina"

**ankehitriny dia nisaiko**

Ny teny hoe: "ankehitriny" dia manamafy ny fiovany Paoly hatramin'ny nahatonga azy Fariseo ary tonga mpino an'i Kristy. DH: "ankehitriny dia efa nino an'i Kristy aho, dia mahatoky"

**nisaiko ho faty antoka avokoa**

Paoly dia milaza fa zava-poana ny matoky zavatra hafa ankoatra an'i Kristy. "Nataoko ho zava-poana ny zavatra rehetra"

**nohon'ny halehiben'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko**

"Satria ny mahafantatra an'i Kristy Jesosy Tompoko dia sarobidy kokoa"

**Noho Izy dia nariako ny zavatra rehetra**

"Noho Izy dia nafaiko ny zavatra rehetra"

**nariako**

"Nafaiko"

**Heveriko ho fako ireny mba hahazoako an'i Kristy**

Paoly dia miresaka ny zavatra izay mety hatokisan'ny olona ho tahaka ny hoe fandanim-poana izay ariana. Izy dia manasongadina ny hoe tena tsy misy dikany ireo. DH: "Mieritreritra azy ireo ho fako aho"

**mba hahazoako an'i Kristy**

"mba ahazoako an'i Kristy irery"

**ary ho hita ao Aminy**

DH: "ary dia ho tena tafaray amin'i Kristy"

**Tsy manana ny fahamarinana ho an'ny tenako avy amin'ny lalàna aho**

"izaho dia tsy miezaka samirery ny hampifaly an'Andriamanitra amin'ny fankatoavana ny lalàna"

**ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty**

"ny heriny izay nanome antsika ny fiainana"

**ny fiombonana amin'ireo fijaliany**

"mijaly tahaka Azy nijaly, toy ny hoe nijaly tamin'izany zavatra izany teo amin'ny toerana sy tamin'ny fotoana nijaliany isika"

**Te hiova amin'ny alalan'i Kristy aho mba hanahaka ny fahafatesany**

Mety ho dikany 1) "Tian'i Paoly ny hanovan'i Kristy azy mba ahafahany maty tahaka ny nahafatesan'i Kristy" na 2) "tiany hoe ny faniriny hanota dia ho faty tahaka an'i Jesosy alohan'ny fitsanganany tamin'ny maty"

**hahafahako mahatsapa ny fitsanganana amin'ny maty**

DH: "Amin'izay, na inona na inona hanjo ahy ankehitriny, dia hiverina indray aho aorian'ny fahafatesako"

## Philippians 3:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia mampirisika ireo mpino Filipiana mba hanaraka izay nataony noho ny lanitra sy ny vatana vaovao izay miandry ireo mpino. Izy dia miresaka momba ny fomba fiasany mafy araka izay azony atao mba ho tahaka an'i Kristy, mahafantatra fa Andriamanitra dia hamela azy hitoetra mandrakizay any an-danitra, tahaka ireny hoe mpiazakazaka izay manenjika ny tanjona farany

**nandray ireo zavatra ireo**

Ao anatin'izany ny hoe mahafantatra an'i Kristy, ny herin'ny fitsanganana amin'ny maty, mizara ao amin'ny fijalian'i Kristy, ary ho tafaray amin'i Kristy ao amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty.

**na koa hoe tonga tanteraka aho**

"koa mbola tsy tonga lafatra aho" na "koa mbola tsy matotra aho"

**handrombahako**

"mety hahazo ireo zavatra ireo aho"

**ilay nandrombahan'i Kristy Jesosy ahy**

DH: "satria izany noho nahatonga an'i Jesosy nilaza ahy ho Azy"

**Ry rahalahy**

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana

ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**tsy mieritreritra aho fa ny tenako dia efa nandrombaka izany**

"Ireo zavatra rehetra ireo dia ahy avokoa"

**Adinoiko izay any aoriana ary miezaka ho an'izay eo aloha aho**

Tahaka ny mpiazakazaka izay tsy mieritreritra izay efa vita fa ny eo aloha sisa no hifantohana. Paoly dia miresaka momba ny fanajanonana ny asa ara-panahiny an'ny fahamarinana sy ny fifantohanany amin'ny hazakazaky ny fiainana izay efa napetrak'i Kristy teo alohany mba hotanterahiny.

**Miezaka manatratra ny tanjona aho mba hahazo ny lokan'ny antso avy any ambony avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy.**

Tahaka ny mpiazakazaka mandeha mialoha mba handreseny, Paoly dia mandeha mialoha mba hanompoana sy hiainana ao amin'ny fankatoavana an'i Kristy. DH: "Ataoko daholo izay vitako mba hitovizako amin'i Kristy, tahaka ny mpiazakazaka manenjika ny fahatongavana, ka mba ho Azy aho, ary Andriamanitra dia hiantso ahy ho any Aminy rehefa maty aho"

**ny antso avy any ambony**

Mety ho dikany dia hoe Paoly dia miresaka hoe velona mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra tahaka ny hoe Andriamanitra dia niantso an'i Paoly hiakatra 1) ho any an-danitra tahaka ny nataon'i Jesosy 2) ny dingana mankeo amin'ny lapihazo izay handraisan'ny mpandresy ny loka, izany dia sarinteny maneho ny fihonana amin'Andriamanitra mivantana sy mandray ny fiainana mandrakizay.

## Philippians 3:15

**Isika rehetra izay matotra, aoka isika hieritreritra tahaka izany**

Tian'i Paoly ireo namany mpino raha manana ny faniriana iray ihany izay notanisaina tao amin'ny 3:8. DH: "Izaho dia mampirisika antsika mpino rehetra izay mafy ara-pinoana mba hieritreritra tahaka izany"

**dia ho asehon'Andriamanitra aminareo ihany koa izany**  
"Andriamanitra dia hanazava izany aminao koa" na "Andriamanitra dia hanome toky fa fantatrao izany"

**na inona na inona efa tratrantsika, aoka isika hifikitra amin'izany**

"aleho isika rehetra hanohy hankatoa ilay fahamarinana iray izay noraisintsika ihany"

## Philippians 3:17

**Aoka ho mpaka tahaka ahy**

"Ataovy izay ataoko" na "miaina toy ny niainako"

**rahalahy**

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra

an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**ireo izay mandeha araka ny ohatra izay hitanareo ao aminay**

"Ireo izay efa miaina tahaka ny iainako" na "Ireo izay efa manao izay ataoko"

**Maro ireo mandeha ... tahaka ny fahavalon'ny hazo fijalian'i Kristy**

Ireo teny ireo no tena eritreretin'i Paoly momban'io andininy io.

**Maro ireo mandeha**

"Maro no miaina" na "Maro no mitantana ny fiainan'izy ireo"

**ireo izay efa nolazaiko anareo matetika, ary ankehitriny aho milaza aminareo amin-dranomaso**

Paoly dia manapaka ny eritreriny amin'ireo teny ireo izay mamaritra ny "maro"

**efa nolazaiko anareo matetika**

"Efa noteneniko anareo foana"

**milaza aminareo amin-dranomaso**

"milaza aminareo amin'ny alahelo lehibe aho"

**tahaka ny fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy**

Eto "ny hazofijalian'i Kristy" dia manondro ny fijaliana sy fahafatesan'i Kristy. Ireo fahavalo dia ireo izay milaza fa mino an'i Jesosy nefa tsy vonona hijaly na ho faty toa an'i Jesosy. DH: "Amin'ny fomba izay mampiseho fa izy ireo dia manohitra an'i Jesosy, izay vonona ny hijaly sy ny ho faty teo amin'ny hazofijaliana"

**Fandringana no fiasaran'izy ireo**

"Indray andro Andriamanitra dia handringana azy ireo"

**ny kibony no andriamaniny**

Eto ny "kibo" dia maneho ny fanirian'ny olona amin'ny fahafinaretana ara-nofo. Eto dia

manambara fa izy ireo dia mitady izany fahafinaretana izany mihoatra ny fankatoavana an'Andriamanitra. DH: "Izy ireo dia maniry sakafo sy ireo fahafinaretana ara-nofo mihoatra ny fanirian'izy ireo ny fankatoavana an'Andriamanitra"

**ny fireharehan'izy ireo dia ao amin'ny fahamenarany**

Eto ny "mahamenatra" dia midika hoe fihetsika izay tokony hahamenatra nefa tsy menatra. DH:

"Mirehareha amin'ny zavatra tokony hahatonga azy ireo ho menatra izy ireo"

**Mieritreritra ny zavatr'izao tontolo izao izy ireo.**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny zavatra rehetra izay manome fahafinaretana ara-nofo sy tsy manome haja an'Andriamanitra. DH: "Ny eritreritr'izy ireo dia ny hampifaly ny tenan'izy ireo ihany fa tsy ny hampifaly an'Andriamanitra"

### Philippians 3:20

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ny fampiasan'i Paoly ny hoe "antsika" sy "isika" eto, Paoly dia miresaka ny tenany sy ireo mpino ao Filipy.

**Fa any an-danitra ny fanjakantsika**

Mety ho dikany 1) "Isika dia mponin'ny lanitra" na 2) "ny tanindrazantsika dia ny lanitra" na 3) "ny tena tranontsika dia ny lanitra."

**Izy dia hanova ny vatantsika izay malemy**

"Izy hanova ny vatana malemintsika eto an-tany"

**mba ho vatana manahaka ny vatany feno voninahitra**

"ho vatana tahaka ny vatany feno voninahitra"

**vatany, izay natao tamin'ny herin'ny fahefany mba**

**hampanaiky ny zavatra rehetra amin'ny tenany**

DH: "vatana. Izy dia hamadika ny vatantsika amin'ny alalan'ilay hery izay ampiasainy hifehezany ny zava-drehetra"

## Chapter 4

<sup>1</sup> Noho izany, ry rahalahy malalako izay mahamanina ahy, fifaliako sy satro-boninahitro, amin'izany dia mijoroa tsara ao amin'ny Tompo, ry namako malala. <sup>2</sup> Miangavy an'i Eodia aho, ary miangavy an'i Syntyke, miraisa saina ao amin'ny Tompo. <sup>3</sup> Ary, mangataka aminao ihany koa aho, ry namako mpiray zioga: Ampio ireo vehivavy ireo. Satria izy ireo dia niara-niasa tamiko tamin'ny fampielezana ny Filazantsara niaraka tamin'i Klementa sy ireo sisa namana mpiara-miasa amiko rehetra, izay efa ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaran'izy ireo. <sup>4</sup> Mifalia hatrany ao amin'ny Tompo. Hoy ihany aho, mifalia. <sup>5</sup> Avelao ho fantatry ny olona rehetra ny fahatsoram-ponareo. Efa akaiky ny Tompo. <sup>6</sup> Aza manahy na amin'inona na amin'inona. Fa kosa, amin'ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny vavaka sy fangatahana, miaraka amin'ny fisaorana, avelao ny fangatahinareo ho fantatr'Andriamanitra. <sup>7</sup> Ary ny fiadanana'Andriamanitra, izay mihoatra ny fahalalàna rehetra, hiaro ny fonareo sy ny fisainanareo rehetra ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>8</sup> Ary farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona ara-drariny, na inona na inona madio, na inona na inona mahafinaritra, na inona na inona nolazaina fa tsara, raha misy na inona na inona tena tsara, raha misy na inona na inona tokony ho deraina, dia mihevera an'ireny zavatra ireny. <sup>9</sup> Ireo zavatra izay nianaranareo sy noraisinareo sy henonareo ary hitanareo tamiko, ataovy ireny zavatra ireny, ary ny Andriamanitra ny fiadanana hiaraka aminareo. <sup>10</sup> Mifaly be ao amin'ny Tompo aho satria nohavaozinareo ihany ankehitriny ny fiheveranareo ahy. Efa nihevitra ahy tokoa ianareo teo aloha, fa tsy nisy fahafahana ho anareo mba hanampy. <sup>11</sup> Tsy milaza izany aho satria ao anatin'ny tsy fahampiana. Fa efa nianatra ny hifaly amin'izay toe-java-miseho rehetra aho. <sup>12</sup> Fantatro ny hoe mahantra ary fantatro koa ny hoe manam-be. Amin'ny fomba rehetra sy amin'ny zavatra rehetra dia nianatra ny tsiambaratelon'ny fihinanam-be sy ny hanoanana aho, ary ny hoe manam-be sy ny hoe ao anatin'ny tsy fahampiana. <sup>13</sup> Afaka manao ny zavatra rehetra aho amin'ny alalan'Ilay mampahery ahy. <sup>14</sup> Kanefa, ianareo nanao ny tsara tamiko tamin'ny fahasahiranako. <sup>15</sup> Ary ianareo Filipiana mahafantatra fa tamin'ny fiandohan'ny filazantsara, rehefa nandao an'i Makedonia aho, dia tsy nisy fiangonana nanohana ahy raha ny mahakasika ny fanomezana sy fandraisana afa-tsy ianareo irery. <sup>16</sup> Na tamin'izaho tany Tesalonika aza, dia nandefa fanampiana ho an'izay nilaiko mihoatra ny indray mandeha ianareo. <sup>17</sup> Tsy hoe mitady fanomezana aho. Fa kosa, mitady ny vokatra izay mampiakatra ny voninahitrareo aho. <sup>18</sup> Nandray ireo zavatra rehetra aho, ary manana be dia be. Fa feno aho. Voaraiko avy tamin'i Epafrodito ireo zavatra avy aminareo. Ireo dia hanitra manim-pofona, izay fanatitra azo ekena sy ankasitrahan'Andriamanitra. <sup>19</sup> Ary ny Andriamanitra hameno izay rehetra ilainareo araka ny haren'ny voninahiny ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>20</sup> Ary ho an'Andriamanitra sady Raintsika anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena. <sup>21</sup> Manaova veloma an'ny mpino rehetra ao amin'i Kristy Jesosy. Ireo rahalahy izay miaraka amiko dia manao veloma anareo. <sup>22</sup> Ireo mpino rehetra izay eto manao veloma anareo, indrindra ireo izay avy ao amin'ny ankohonan'i Kaisara. <sup>23</sup> Ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy anie ho amin'ny fanahinareo. <sup>[1]</sup>

### Footnotes

4:23 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Misy ireo fandikana sasany manampy hoe: "Amena."

### Philippians 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Paoly dia manohy ny torolalana manokana ho an'ireo mpino ao Filipy eo amin'ny firaisan-kina ary dia manome torolalana mba hanampiana azy ireo hiaina ho an'ny Tompo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Rehefa miteny Paoly hoe "ry namako mpiray zioga," izany dia milaza fa olona iray no resahany eto. Tsy notenen'i Paoly ny anaran'ilay olona eto. Izany no niantson'ilay olona mba hampisehony hoe miara-

miasa amin'i Paoly amin'ny fampielezana ny filazantsara izy.

**Noho izany, ry rahalahy malalako izay mahamanina ahy**  
"Ry mpino namako, tiako ianareo ary maniry mafy ny hahita anareo aho"

#### brothers

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**fifaliako sy satro-boninahitra**

Paoly dia mampiasa ny teny hoe "fifaliako" mba hanehony fa ny fiangonana Filipiana no anton'ny fahasambarany. Ny "satro-boninahitra" dia vita amin'ny ravin-kazo, ary ny olona izay manao izany eo amin'ny lohany mba ho mariky ny voninahitra rehefa maharesy amin'ny fifaninanana lehibe. Eto ny teny hoe "satro-boninahitra" dia midika fa ny fiangonana Filipiana dia nitondra voninahitra ho an'i Paoly teo anatrehan'Andriamanitra. DH: "Mampifaly ahy ianareo satria nino an'i Jesosy, ary ianareo dia valisoa sy voninahitra ho an'ny asako."

**amin'izany dia mijoroa tsara ao amin'ny Tompo, ry namako malala**

"dia mitoera tsara ao amin'ny Tompo araka ny nampianarako anareo, ry hava-malala"

**Miangavy an'i Eodia aho, ary miangavy an'i Syntyke**

Ireo vehivavy ireo dia nino sy nanampy an'i Paoly tao amin'ny fiangonana tao Filipy. DH: "Mangataka an'i Eodia aho, ary mangataka an'i Syntyke"

**miraisa saina ao amin'ny Tompo**

Ny hoe "miraisa saina" dia midika hoe manana toe-tsaina na hevitra mitovy. DH: "mifaneke ianareo satria ianareo samy mino Tompo iray ihany"

**mangataka aminao ihany koa aho**

Eto ny hoe "aminareo" dia maneho ilay "mpiray zioga"

**namako mpiray zioga**

Izany dia sarin-teny avy amin'ny fambolena, izay ahitana biby roa (omby) izay miara-mifatotra amin'ny zioga iray. DH: "mpiara-miasa"

**niaraka tamin'i Klementa**

Klementa dia ilay lehilahy izay mpino sy mpanompo ao amin'ny fiangonana tao Filipy.

**izay efa ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaran'izy ireo.**

"izay efa voasoratr'Andriamanitra ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anarany"

**Philippians 4:4****Mifalia hatrany ao amin'ny Tompo**

"mifalia noho ireo rehetra izay nataon'ny Tompo"

**Efa akaiky ny Tompo**

Mety ho dikany 1) Ny Tompo Jesosy dia akaiky ireo mpino amin'ny Fanahy na 2) Ny andro izay hiverenan'ny Tompo Jesosy eto an-tany dia efa akaiky.

**amin'ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny vavaka sy fangatahana, miaraka amin'ny fisaorana, avelao ny fangatahinareo ho fantatr'Andriamanitra**

"na inona na inona hitranga aminareo, mangataha amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ilainareo amin'ny vavaka sy fisaorana"

**izay mihoatra ny fahalalana rehetra**

"izay mihoatra noho izay azontsika takarina"

**hiaro ny fonareo sy ny fisainanareo**

Ity dia mampiseho ny fiadanan'Andriamanitra tahaka ny miaramila izay miaro ny fihetseham-pontsika sy ny eritrerintsika amin'ny fanahiana. DH: "ho tahaka ny miaramila ary miambina ny fihetseham-po sy ny eritreritra amin'ny fanahiana momba ireo olan'izao fiainana izao"

**Philippians 4:8****Ary farany**

Raha namarana ny taratasiny Paoly, dia nanome famintinana ny amin'ny hoe ahoana no tokony hiainan'ireo mpino mba hahazona ny fiadanana ao amin'Andriamanitra.

**ry rahalahy**

Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**na inona na inona mahafinaritra**

"na inona na inona zavatra mahafaly"

**na inona na inona nolazaina fa tsara**

"na inona na inona zavatra derain'ny olona" na "na inona na inona zavatra hajain'ny olona"

**raha misy na inona na inona tena tsara**

"raha tsara fitondran-tena"

**raha misy na inona na inona tokony ho deraina**

"ary raha misy zavatra izay derain'ny olona"

**izay nianaranareo sy noraisinareo sy renareo ary hitanareo tamiko**

"izay nampianariko sy nampisehoko anareo"

**Philippians 4:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia miresaka ny momba ireo mpino Filipiana izay nanohana azy ara-bola ary dia mamarana amin'ny fankasitrahana sy saotra.

**ny hifaly**

"mba ho afa-po" na "mba ho faly"

**amin'izay toe-java-miseho rehetra**

"na inona na inona toe-javatra misy ahy"

**Fantatro ny hoe mahantra ary fantatro koa ny hoe manam-be**

Paoly dia mahafantatra hoe ahoana ny miaina amim-pifaliana na manana na tsy manana fananana.



**Ny fihinanam-be sy ny hanoanana, ary ny hoe manam-be sy ny hoe ao anatin'ny tsy fahampiana**  
Ireo fehezanteny ireo dia mitovy ny heviny. Paoly dia mampiasa azy ireo mba hanasongadinana fa izy dia nianatra ny ho faly foana amin'izay zavatra miseho eo.

**Afaka manao ny zavatra rehetra aho amin'ny alalan'ilay mampahery ahy.**  
"Afaka manao ny zava-drehetra aho satria manome hery ahy i Kristy"

#### **Philippians 4:14**

**tamin'ny fahasahiranako**  
Paoly dia miresaka ny fahasahiranany ho toy ny hoe toerana izay nisy azy. DH: "rehefa miha-sarotra ny zavatra"

**ny fiandohan'ny filazantsara**  
Paoly dia manondro ny filazantsara eto izay midika hoe ny fitoriany ny filazantsara.

**tsy nisy fiangonana nanohana ahy raha ny mahakasika ny fanomezana sy fandraisana afa-tsy ianareo irery**  
DH: "Ianareo irery ihany no fiangonana nandefa vola ho ahy na nanampy ahy"

**mitady ny vokatra izay mampiakatra ny voninahitrareo aho.**  
Paoly dia miresaka ny fanomezan'ireo Filipiana ho toy ny tahirim-bolan'olona any amin'ny fitehirizam-bola izay tsy sasatry ny mitombo. Eto dia Andriamanitra no manaiky ireo zavatra tsara izay vitan'ireo mpino Filipiana. Tian'i Paoly hanome fanomezana ireo Filipiana mba hahazoan'izy ireo fitahiana ara-panahy. DH: "Tiako ny hahita an'Andriamanitra hanome anareo fitahiana ara-panahy bebe kokoa"

#### **Philippians 4:18**

**Nandray ireo zavatra rehetra aho**  
Mety ho dikany 1) Nandray izay rehetra nalefan'ny Filipiana i Paoly na 2) Paoly dia milaza fa ity fizarana amin'ny taratasiny ity dia porofo fa voaray ny entana nalefan'i Epafrodito

**manana be dia be**  
Ny tian'i Paoly lazaina dia hoe manana maro amin'ireo zavatra izay ilainy ho an'ny tenany.

**Ireo dia hanitra manim-pofona, izay fanatitra azo ekena sy ankasitrahan'Andriamanitra**  
Paoly dia miresaka ny fanomezana izay avy any amin'ny fiangonana Filipiana tahaka ny hoe sorona natolotra ho an'Andriamanitra eny amin'ny alitara. Paoly dia miteny fa ny fanomezan'ny fiangonana dia tena mahafaly an'Andriamanitra, toy ireny sorona izay doran'ny mpisorona izay manana fofona mahafaly an'Andriamanitra. DH: "Manome toky anareo aho fa ireo fanomezana ireo dia tena mahafaly an'Andriamanitra, tahaka ny sorona azo ekena."

**hameno izay rehetra ilainareo**  
Mitovy amin'ny hoe "Fa feno aho" ao amin'ny andininy faha-18. Fomba fiteny midika hoe "dia hanome izay ilainareo rehetra"

**araka ny haren'ny voninahiny ao amin'i Kristy Jesosy**  
"avy amin'ny haren'ny voninahiny izay omeny amin'ny alalan'i Kristy Jesosy"

**Ary ho an'Andriamanitra**  
Ny teny hoe "Ary" dia manamarika ny famaranana ny vavaka sy ny fiafaran'ity fizaran'ny taratasy ity.

#### **Philippians 4:21**

**Ireo rahalahy**  
Ity dia manambara ireo olona izay nanao asa fanompoana niaraka tamin'i Paoly na ho an'i Paoly.

**rahalahy**  
Eto dia milaza izany teny izany hoe ireo mpinamana Kristiana, na lahy na vavy, satria ny mpino rehetra an'i Kristy dia mpikambana ao amin'ny fianakaviana ara-panahy iray miaraka amin'Andriamanitra toy ny Rain'izy ireo any an-danitra.

**ny mpino tsirairay ... Ireo mpino rehetra**  
Ny dika hafa dia miteny hoe "olo-masina" sy "vahoaka masina"

**indrindra ireo izay avy ao amin'ny ankohonan'i Kaisara**  
Izany dia manondro ireo mpanompo izay niasa tao amin'ny lapan'i Kaisara. "indrindra fa ireo mpiray finoana izay miasa ao amin'ny lapan'i Kaisara"

**ho amin'ny fanahinareo**  
Paoly dia manondro ireo mpino amin'ny fampiasana ny teny hoe "fanahy," izay mamela ny olona hifandray amin'Andriamanitra. DH: "miaraka aminareo"



## Book: Colossians

### Colossians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, ary i Timoty rahalahantsika, <sup>2</sup> ho an'ireo mpino sy ireo rahalahy mahatoky ao amin'ny Kristy izay any Kolosia. Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika. <sup>[1]</sup><sup>3</sup> Manome fisaorana an'Andriamanitra isika, ilay Rain'ny Tompontsika Jesosy Kristy, ary mivavaka mandrakariva ho anareo izahay. <sup>4</sup> Efa renay ny finonareo an'i Kristy Jesosy ary ny fitiavana izay ananareo ho an'izay rehetra voatokana ho an'Andriamanitra. <sup>5</sup> Manana izany fitiavana izany ianareo noho ny fanantenana azo antoka natokana ho anareo any an-danitra. Henonareo ny momba io fanantenana azo antoka io talohan'ny teny amin'ny fahamarinana, ny filazantsara, <sup>6</sup> izay tonga aminareo. Ity filazantsara ity dia mitondra vokatry ary mitombo eran'izao tontolo izao. Izany dia efa nanao izany tamin'ny ihany koanamboka tamin'ny andro nahenonao azy ary nianaranao ny momban'ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'ny marina. <sup>7</sup> Ity ny filazantsara izay araka ny nianaranareo tamin'ny Epafra, ilay mpiara-manompo malalantsika, izay mpanompo mahatokin'i Kristy amin'ny anarantsika. <sup>[2]</sup><sup>8</sup> Nampahalalan'ny Epafra anay ny fitiavanareo ny Fanahy. <sup>9</sup> Noho io fitiavana io, hatramin'ny andro nahenonay izany dia tsy nitsahatra nivavaka ho anareo izahay. Nangataka izahay mba ho feno fahalalana ny sitrapony amin'ny fahendrena rehetra sy fahalalana ara-panahy ianareo. <sup>10</sup> Nivavaka izahay mba handehanareo am-pahamendrehana ao amin'ny Tompo amin'ireo fomba ankasitrahana'Andriamanitra. Nivavaka izahay mba hamokatra amin'ny asa soa rehetra ianareo ary mba hitombo fahalalana an'Andriamanitra. <sup>11</sup> Mivavaka izahay mba hahazo hery amin'ny fahaizana rehetra ianareo araka ny herin'ny voninahitra amin'ny fiaretana sy ny faharetana. <sup>12</sup> Mivavaka izahay mba hanome fisaorana an'ny Raintsika am-pifaliana ianareo, izay nahafahanareo hanana anjara amin'ny lovan'ireo mpino amin'ny fahazavana <sup>[3]</sup><sup>13</sup> Namonjy antsika tamin'ny fanapahan'ny haizina sy namindra antsika ho any amin'ny fanjakan'ny Zanany lahy malalany Izy. <sup>14</sup> Ao amin'ny Zanany lahy no ananantsika ny fanavotana, ny famelana ireo fahotana. <sup>[4]</sup><sup>15</sup> Ny Zanaka lahy dia endrik'ilay Andriamanitra tsy hita maso. Izy ilay teraka voalohany tamin'ny fahariana. <sup>16</sup> Fa tamin'ny alalany no nahariana ny zavatra rehetra, ireo izay any an-danitra sy ireo izay ety ambonin'ny tany, ireo zavatra hita maso sy ireo tsy hita. Na ireo seza fiandrianana, na ireo fanapahana, na ireo fitondram-panjakana, na ireo manam-pahefana, ireo zavatra rehetra dia nohariana tamin'ny alalany sy ho azy. <sup>17</sup> Izy no alohan'ny zavatra rehetra, ary ao aminy no haharetan'ny zavatra rehetra. <sup>18</sup> Izy no lohan'ny vatana, sy ny fiangonana. Izy no fiandohana sy teraka voalohany avy eo anivon'ireo maty, ka izy no nanana toerana voalohany teo anivon'ireo zavatra rehetra. <sup>19</sup> Satria sitrak'Andriamanitra ny tokony ny hiainan'ny fahatsarany rehetra ao aminy, <sup>20</sup> ary mba hampihavana amin'ny alalan'ny Zanaka lahy amin'ny zava-drehetra amin'izy tenany. Andriamanitra dia nihavana tamin'ny alalan'ny ran'ny hazo fijaliany. Andriamanitra no nampihavana ny zava-drehetra tamin'ny tenany, na ny zavatra rehetra eto ambonin'ny tany na ireo zavatra rehetra any an-danitra. <sup>21</sup> Tamin'ny fotoana iray, ianareo ihany koa, dia vahiny tamin'Andriamanitra ary fahavalony tao an-tsainy sy tamin'ireo asa ratsy. <sup>22</sup> Fa ankehitriny izy no nampihavana anareo tamin'ny vatany manontolo tamin'ny alalan'ny fahafatesana. Nataony izany mba hanaovana anareo ho masina, tsy hanam-pondro eo anatrehany, ary nanala baraka azy noho ny fanaratsiana, <sup>23</sup> raha manohy amin'ny finoana ianareo, miorina sy mafy orina, dia aza mihataka amin'ny fanantenana mahatokin'ny filazantsara izay renareo. Ity no filazantsara izay nambara tamin'ny olona rehetra nohariana ambanin'ny lanitra. Ity no filazantsara izay, nahatonga ahy, Paoly, ho mpanompo. <sup>24</sup> Ankehitriny aho dia faly amin'ny fijaliko ho anareo, ary izaho dia nameno ny nofoko izay tsy ampy amin'ireo fahorian'i Kristy noho ny vatany, dia ny fiangonana. <sup>25</sup> Noho ny fiangonana no nahampanompo ahy, araka ny andraikitra avy amin'Andriamanitra izay nomeny ahy ho anareo, mba hahatanteraka ny tenin'Andriamanitra. <sup>26</sup> Io no marina miafina izay nafenina nandritry ny taona maro sy ho an'ireo taranaka. Fa ankehitriny dia efa niseho izany tamin'ireo izay mino azy. <sup>27</sup> Tamin'izy ireo no tian'Andriamanitra nampahafantarina ireo haren'ny voninahitr'ity fahamarinana miafina ity teo anivon'ny Jentilisa. Izany dia Kristy no ao aminao, ilay tokin'ny voninahitra ho avy. <sup>28</sup> Dia izy ilay notorianay. Nananatra ny olona rehetra izahay, ary nampianatra ny olona rehetra tamin'ny fahendrena rehetra, mba hanolorantsika ny olona rehetra feno ao amin'i Kristy. <sup>29</sup> Noho izany dia miasa mafy aho sy miezaka araka ny tanjany izay miasa ato amiko amin'ny hery.

## Footnotes

1:2 <sup>[1]</sup>Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany manampy hoe: "ary ny Tompo Jesosy Kristy".

1:7 <sup>[2]</sup>Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Amin'ny anaranareo"

1:12 <sup>[3]</sup>Fanamarihana ambany pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "izay nahafahantsika nanana anjara".

1:14 <sup>[4]</sup>Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Ao amin'ny Zanany no ananantsika fanavotana amin'ny alalan'ny ràny, dia ny famelana ireo fahotana."

## Colossians 1:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Na dia avy amin'i Paoly sy Timoty ho an'ireo mpino Kolosiana aza ity taratasy ity, aoriana ao amin'ny taratasin'i Paoly dia ho fantatra mazava fa izy no mpanoratra. Fa Timoty anefa dia niaraka taminy ary nanoratra ny teny nolazain'i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'io taratasy io ny teny hoe: "isika," "izahay," ary "-tsika" dia maneho an'ireo Kolosiana raha tsy misy fanamarihana hafa. Ny teny hoe: "-nareo" sy "anareo" dia maneho an'ireo mpino Kolosiana raha tsy hoe misy fanamarihana hafa.

**apostolin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra,**

"izay nofidin'Andriamanitra ho apostolin'i Kristy Jesosy"

**Manome ... Tompontsika ... mandrakariva**

Tsy ao anatin'ireo ny Kolosiana.

## Colossians 1:4

**Efa renay**

Paoly dia manala ireo mpihaino azy.

**ny finoanareo an'i Kristy Jesosy**

"ny finoanareo ao amin'i Kristy Jesosy"

**noho ny fanantenana azo antoka natokana ho anareo any an-danitra**

Eto ny hoe: "fanantenana azo antoka" dia maneho izay fanantenana azo antoky ny mpino, izany hoe, ny zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra hatao amin'ny mpino rehetra. Ireo zavatra ireo dia resahina toy ny hoe zavatra mivaingana izay tazomin'Andriamanitra any an-danitra ho an'ny mpino aty aoriana. DH: "satria dia ianareo ireo mihitsy no efa nampanantenain'Andriamanitra izay any an-danitra, fa hanao zavatra tsara izay nampanantenainy anareo Izy"

**mitondra vokatra ary mitombo**

Paoly eto dia miresaka ny filazantsara toy ny hoe zava-maniry izay mitombo ka manome vokatra.

**eran'izao tontolo izao**

Ny filazantsara dia miparitaka sy mitombo manerana izao tontolo fantatra izao.

**ny fahasoaavan'Andriamanitra ao amin'ny marina**  
"ny fahasoaavana marin'Andriamanitra"

## Colossians 1:7

**malalantsika, izay mpanompo mahatokin'i Kristy amin'ny anarantsika.**

Tsy tafiditra ao anatin'ny teny hoe: "-tsika" ireo Kolosiana.

**ny filazantsara izay araka ny nianaranareo tamin'ny Epafra, ilay mpiara-manompo malalantsika, izay**  
"ny filazantsara. Ity dia izay efa nianaranareo tao amin'i Epafra mihitsy, ilay mpiara-manompo malalantsika ary izay" na "ny filazantsara. Ity dia izay efa nampianarin'i Epafra, ilay mpiara-manompo malalantsika, anareo. Izy dia"

**Epafra, ilay mpiara-manompo malalantsika, izay mpanompo mahatokin'i Kristy amin'ny anarantsika**  
Eto ny hoe: "ny anarantsika" dia midika fa Epafra nanao ny asa ho an'i Kristy izay tokony nataon'i Paoly raha tsy tany an-tranomaizina izy.

**Epafra**

ilay lehilahy izay mitory ny filazantsara amin'ny olona ao Kolosia.

**ny fitiavanareo ny Fanahy**

Paoly dia miresaka ny Fanahy Masina toy ny hoe toerana izay misy an'ireo mpino. DH: "ny fomba namelan'ny Fanahy Masina anareo hitia ireo mpino"

## Colossians 1:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Satria ny Fanahy dia namela azy ireo hitia ny hafa, Paoly dia mivavaka ho azy ireo ary miteny azy ireo eto ny fomba fivavahany ho azy ireo.

**Noho io fitiavana io**

"Satria ny Fanahy Masina dia namela anareo hitia ireo mpino hafa"

**nahenonay ... tsy nitsahatra izahay ... Nangataka izahay ... Nivavaka izahay**

Ireo Kolosiana dia tsy anisan'ireo.

**hatramin'ny andro nahenonay izany**

"hatramin'ny andro nitenenan'i Epafra anay ireo zavatra ireo"

**mba ho feno fahalalana ny sitrapony ianareo**

Paoly dia miresaka ireo mpino Kolosiana toy ny hoe daba izy ireo. DH: "fa Andriamanitra dia hameno anareo amin'izay ilainareo ho fantatra mba hahafahanareo manao ny sitrapony"

**amin'ny fahendrena rehetra sy fahalalana ara-panahy**

", ka mba hampahendry anareo ny Fanahy Masina ary hahalala izay tian'Andriamanitra ho ataonareo ianareo"

**mba handehanareo am-pahamendrehana ao amin'ny Tompo**

Ny fandehanana eto dia midika ho toetra eo amin'ny fiainana. DH: "mba hiaina ny fomba tian'Andriamanitra hiainanareo ianareo"

**amin'ireo fomba ankasitrahana**

"amin'ireo fomba izay ankasitrahana'ny Tompo"

**mba hamokatra**

Paoly dia miresaka ireo mpino Kolosiana toy ny hoe hazo na zava-maniry. Tahaka ny hazo mitombo sy manome voa, dia toy izany koa ireo mpino mahalala tsara an'Andriamanitra ary manao ireo asa tsara.

**Colossians 1:11****Mivavaka izahay**

Ny teny hoe: "izahay" dia maneho an'i Paoly sy Timoty fa tsy ireo Kolosiana.

**amin'ny fiaretana sy ny faharetana**

Paoly dia miresaka ny mpino Kolosiana toy ny hoe Andriamanitra no hamindra azy ireo amin'ny toeran'ny fiaretana sy faharetana. Amin'ny tena izy, izy dia mivavaka mba tsy hitsahatra hatoky an'Andriamanitra izy ireo ary ho feno faharetana eo am-panomezam-boninahitra Azy.

**nahafahanareo hanana anjara**

"namela anareo hanana anjara"

**nahafahanareo**

Eto Paoly dia mifantoka amin'ireo mpamakiny amin'ny maha-mpandray ny fitahian'Andriamanitra azy ireo. Kanefa izy tsy miteny fa izy tenany dia tsy manana anjara amin'ireo fitahiana.

**hanana anjara**

Mandray izay nampanantenain'Andriamanitra ireo mpino dia resahina toy ny hoe mahazo tany sy harena avy amin'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana.

**amin'ny fahazavana**

Io hevitra io dia mifanohitra amin'ny hevitra ny fanapahan'ny haizina ao amin'ny andinin'ny manaraka. DH: "ao amin'ny voninahitra ny fanatrehany"

**Colossians 1:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia miresaka momba ny fomba izay maha-lafatra an'i Kristy.

**Namonjy**

"Andriamanitra ilay Ray namonjy"

**ny fanapahan'ny haizina**

Ny haizina dia sary hiombonana ao amin'ny Soratra masina ho an'ny ratsy. DH: "ny herin'ny ratsy"

**Zanany lahy malalany**

"Andriamanitra ilay Rain'ny Zanaka malala, dia i Jesosy Kristy"

**Ao amin'ny Zanany lahy no ananantsika ny fanavotana**

Paoly matetika dia miresaka ireo mpino toy ny hoe "ao" amin'i Jesosy Kristy na "ao" amin'Andriamanitra. Eto izany fitenenana izany dia afaka adika hoe "amin'ny alalan'ny Zanany lahy no hahazoantsika ny fanavotana"

**ny famelana ireo fahotana**

"; ny Zanany lahy mamela ny fahotantsika" na "; ny Ray mamela antsika amin'ny alalan'ny Zanany"

**Colossians 1:15****Ny Zanaka lahy dia endrik'ilay Andriamanitra tsy hita maso**

Eto ny hoe: "endrika" dia tsy midika hoe zavatra iray izay tsy hita maso. Fa kosa, ny "endrika" eto dia midika fa amin'ny alalan'ny fahafantarana ny Zanaka, dia mahafantatra ny endrik'Andriamanitra isika.

**Zanaka lahy**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanaka lahin'Andriamanitra.

**Izy ilay teraka voalohany**

"Ny Zanaka lahy no teraka voalohany." Ny fitenenana hoe: "teraka voalohany" dia tsy maneho ny fahaterahan'i Jesosy tao Betlehema. Fa kosa, izany dia maneho ny toeran'ny Zanaka lahy mandrakizain'Andriamanitra ilay Ray. Amin'izany, ny "teraka voalohany" dia sarin-teny midika hoe: "manan-danja indrindra." Jesosy dia manan-danja indrindra ary "Zanaka lahitokan'Andriamanitra". Izy dia Andriamanitra. Ny teny hoe: "Zanaka lahy" dia mampiseho ny fifandraisana manokana amin'ny Ray. Izany fifandraisana izany dia tsy takatra raha tsy mampiasa ny teny hoe: "zanaka lahy" sy ny hoe: "ray" amin'ny fitenim-paritrao ianao."

**Fa tamin'ny alalany no nahariana ny zavatra rehetra**

Izany dia afaka atao hoe: "Satria ny Zanaka no namorona ny zavatra rehetra"

Na ireo seza fiandrianana, na ireo fanapahana, na ireo fitondram-panjakana, na ireo manam-pahefana, ireo zavatra rehetra dia nohariana tamin'ny alalany sy ho azy Ny Zanakalahy dia namorona ny zavatra rehetra ho azy, ao anatin'izany ireo seza fiandrianana, ireo fanapahana, ireo maha-mpanjaka, ary ireo fahefana.

#### Izy no alohan'ny zavatra rehetra

"Izy dia nisy talohan'ny zavatra rehetra"

#### ao aminy no haharetan'ny zavatra rehetra

Paoly eto dia miresaka ny fahefana amin'ny zavatra rehetra toy ny hoe: mitazona miaraka ireny izy. "izy dia mitazona ny zavatra rehetra miaraka"

### Colossians 1:18

#### Izy no lohany

"Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, no lohany"

#### Izy no lohan'ny vatana, sy ny fiangonana

Paoly dia miresaka ny toeran'i Jesosy amin'ny fiangonana toy ny hoe lohan'ny vatan'olombelona Izy. Tahaka ny maha-loha mitondra ny vatana, Jesosy ihany koa dia manapaka ny fiangonana.

#### fiandohana

"ny fiandohan'ny fahefana." Izy no lehiben'ny mpanorina voalohany.

#### teraka voalohany avy eo anivon'ireo maty

Jesosy no olona voalohany maty sy niverina avy tamin'ny fahafatesana, ary tsy maty intsony mandrakizay.

#### Zanakalahy

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

#### tamin'ny alalan'ny ràn'ny hazo fijaliany

"amin'ny alalan'ny ràn'i Jesosy nikoriana teo amin'ny hazofijaliana"

#### ny ràn'ny hazo fijaliany

Eto ny hoe: "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana.

### Colossians 1:21

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia mampazava izay nambaran'Andriamanitra ankehitriny fa Kristy dia nanakalo ny fahamasinany tamin'ny fahotan'ireo mpino Jentilisa.

#### ianareo ihany koa

"Ary ianareo mpino Kolosiana ihany koa"

#### dia vahiny tamin'Andriamanitra

"tahaka ny olona izay tsy fantatr'Andriamanitra" na "nanilika an'Andriamanitra"

mba hanaovana anareo ho masina, tsy hanam-pondro eo anatrehany, ary nanala baraka azy noho ny fanaratsiana Paoly dia mamaritra ireo Kolosiana ho voadio arabatana tamin'ny alalan'i Jesosy, nampianjo madio azy ireo, ary nitondra azy ireo eo anoloan'Andriamanitra Ray.

#### tsy hanam-pondro ... ary nanala baraka

Paoly dia mampiasa ireo teny roa ireo izay mitovy dika tanteraka mba hanamafisana ny fahatsarana. DH: "tonga lafatra"

#### eo anatrehany

Io fitenenana momba ny toerana io dia maneho ny hoe: "eo imason'Andriamanitra" na "ao antsain'Andriamanitra"

#### izay nambara

izay nambaran'ireo mpino

#### tamin'ny olona rehetra nohariana ambanin'ny lanitra

"amin'ny olona rehetra eto an-tany"

#### filazantsara izay, nahatonga ahy, Paoly, ho mpanompo

Paoly dia mpanompon'Andriamanitra ankehitriny. DH: "ny filazantsara dia hoe: Izaho, Paoly, manompo an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitoriana"

### Colossians 1:24

#### izaho dia nameno ny nofoko izay tsy ampy amin'ireo fahorian'i Kristy

Paoly dia miresaka momba ny fijaliana izay hiainany hatrany. Izy eto dia mety mampahafantatra fa mbola misy fijaliana maro izay tsy maintsy hiaretany sy hiaretan'ireo Kristiana hafa alohan'ny fahatongavan'i Kristy indray, ary Kristy ara-panahy hiaraka amin'izy ireo hiaina izany fijaliana izany. Paoly dia tsy miteny mihitsy akory hoe ny fijalian'i Kristy irery dia tsy ampy hamonjena ireo mpino.

#### izaho dia nameno ny nofoko

Paoly dia miresaka ny vatany toy ny hoe daba izay afaka fenoina fijaliana.

#### noho ny vatany, dia ny fiangonana

Paoly matetika dia miresaka ny fiangonana, ny vondron'ny mpino Kristiana rehetra, toy ny hoe vatan'i Kristy.

#### mba hahatanteraka ny tenin'Andriamanitra

Izany dia midika hoe mamantatra ny tanjon'ny hafatry ny filazantsaran'Andriamanitra, izay notoriana sy ninoana.

#### Io no fahamarinanana mifafina izay nafenina

Izany dia afaka atao hoe: "Ity no marina mifafina izay nafenin'Andriamanitra"

#### nandritry ny taona maro sy ho an'ireo taranaka

Ireo teny hoe: "taona maro" sy "taranaka" dia maneho ny fotoana nanomboka tamin'ny

fanorenana izao tontolo izao ka hatramin'ny fotoana nitoriana ny filazantsara.

**Fa ankehitriny dia efa niseho izany**

Izany dia afaka atao hoe: "ankehitryny Andriamanitra dia nanambara izany"

**ireo haren'ny voninahitr'ity fahamarinana miafina**

Paoly dia miresaka ny lanjan'ity marina miafina momba an'Andriamanitra ity toy ny hoe harena mivaingana. "harena"

**Kristy no ao aminao**

Paoly dia miresaka ireo mpino toy ny hoe daba fasian-javatra ankehitriny izay misy an'i Kristy ao anatiny. Izany dia iray amin'ireo fomba fanehoany ny fifandraisan'ny mpino amin'i Kristy.

**ilay tokin'ny voninahitra ho avy**

"ka ianao dia afaka mahatoky ny fananana anjara amin'ny voninahitr'Andriamanitra"

**Colossians 1:28**

**ilay notorianay ... Nananatra izahay ... nampianatra ... mba hanolorantsika**

Tsy tafiditra ao anatin'izany ireo Kolosiana.

**Nananatra ny olona rehetra izahay**

"Nampitandrina ny olon-drehetra izahay"

**mba hanolorantsika ny olona rehetra**

"mba hanolorantsika ny olona rehetra amin'Andriamanitra"

**feno**

"matotra ara-panahy"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Fa tiako ho fantatrareo ny halehiben'ny tolona nataoko ho anareo, ho an'ireo any Laodikia, sy ho an'ireo maro mbola tsy nahita ny tavako tamin'ny nofo. <sup>2</sup> Miasa aho mba hampahery ny fon'izy ireo amin'ny fampiraisana azy ireo miaraka ao amin'ny fitiavana sy ny harena rehetra amin'ny fahalalana azo antoka, ho amin'ny fahalalana ny fahamarinana mifan'Andriamanitra, izany hoe, i Kristy. <sup>3</sup> Ao aminy ny haren'ny fahendrena sy izay fahalalana rehetra no mifaina. <sup>4</sup> Milaza izany aho mba tsy hisy hitarika anareo amin'ny lahateny mandresy lahatra. <sup>5</sup> Na dia tsy miaraka aminareo ao amin'ny nofo aza aho, dia miaraka aminareo ao amin'ny fanahy. Faly aho mahita ny filaminanareo tsara sy ny tanjakin'ny finoanareo an'i Kristy. <sup>6</sup> Raha nandray an'i Kristy Tompo ianareo, dia mandehana ao aminy. <sup>7</sup> Mifotora mafy aminy, miorena ao aminy, miorena amin'ny finoana izay efa nampianarina anareo, ary mazotoa manome fisaorana. <sup>8</sup> Mitandrema mba tsy hamela olona hisambotra anareo amin'ny alalan'ny filozofia na ny fitaka foana araky ny fanaon'ny olona, izay manaraka ny endrik'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i kristy. <sup>9</sup> Fa ao Aminy no mitoetra ny fahatsaran'ny tenan'Andriamanitra rehetra. <sup>10</sup> Feno ianareo ao Aminy. Izy no lohan'ny hery sy ny fahefana rehetra. <sup>11</sup> Tao Aminy ihany koa ianareo no noforaina tamin'ny famorana izay tsy nataon'ny olombelona amin'ny fanesorana ny nofo amin'ny vatana, fa tamin'ny famoran'i Kristy. <sup>12</sup> Niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ianareo, ary tao Aminy no nananganana anareo tamin'ny alalan'ny finoana maherin'Andriamanitra, izay nanangana azy tamin'ireo izay maty. <sup>13</sup> Fony ianareo maty tamin'ireo fahotana sy ny tsy fahavitan'ny nofonareo famorana, izy no namelona anareo niaraka taminy sy namela antsika tamin'ireo fahotantsika rehetra. <sup>14</sup> Nofafany ny rakitsoratin'ny trosam-panafahana sy ireo fitsipika nifanohitra tamintsika. Nalany izany rehetra izany ary nofantsihiny teo amin'ny hazo fijaliana. <sup>15</sup> Nalany ireo hery sy ireo fahefana, ary Izy dia nanao fampisehoana ampahibemaso an'izy ireo, nandresy mihoatra an'izy ireo tamin'ny hazo fijaliana. <sup>16</sup> Koa, aza avela hisy hitsara anareo na amin'ny fihinana na amin'ny fisotroana, na amin'ny andro fety na amin'ny volana vaovao, na amin'ny andro Sabata. <sup>17</sup> Izany no alok'ireo zavatra ho avy, fa ny tena izy dia i Kristy. <sup>18</sup> Aza avela hisy na iza na iza izay mila ny fanetren-tena sy ny fideran'ny anjely hitsara anareo ka tsy hahazoanareo ny lokanareo. Ny olona toy izany dia miditra amin'ny zavatra hitany ary manjary mieboebo amin'ny fisainan'ny nofony. <sup>19</sup> Tsy mihazona ny lohany izy. Izany dia avy amin'ny loha izay nomen'Andriamanitra ny vatana manontolo manerana ireo vanin-taolany sy ny hozany izay manome ka mihazona izany rehetra izany mitambatra; izany dia mitombo miaraka amin'ny fampitomboana nomen'Andriamanitra. <sup>20</sup> Raha maty niaraka tamin'i Kristy ianareo tamin'ireo endrik'izao tontolo izao, nahoana ary ianareo no miaina toy ny voatery amin'ny tany: <sup>21</sup> "Aza mihodina, aza manandrana, ary aza mikasika"? <sup>22</sup> Izany zavatra rehetra izany dia ho an'ny fahalovana, araka ny torolalana sy ny fampianaran'olombelona. <sup>23</sup> Ireny fitsipika ireny dia manana fahendren'ny fomba fivavahana, ny fanetren-tena izay nataon'ny tenany manokana ary ny fampahoriana ny vatana. Fa izy ireo dia tsy manan-danja amin'ny fanoherana ny fandefarana ny filan'ny nofo.

### Footnotes

2:13 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: misy dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "ary namela ny fahotantsika rehetra"

### Colossians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manohy mankahery an'ireo mpino ao Kolosia sy Laodikia mba hahafantatra fa Kristy dia Andriamanitra ary miaina ao amin'ireo mpino Izy, ka izy ireo dia tokony hiaina tahaka ny handraisan'izy ireo Azy.

#### halehiben'ny tolona nataoko ho anareo

Paoly dia nanao ezaka lehibe tamin'ny famolavolana ny fahadiovan'izy ireo sy ny fahatakarana ny filazantsara.

#### ireo any Laodikia

Izany dia tanàna izay tena akaiky an'i Kolosia toerana izay misy fiangonana izay hivavahan'i Paoly ihany koa.

#### sy ho an'ireo maro mbola tsy nahita ny tavako tamin'ny nofo

Eto ny hoe: "tavako tamin'ny nofo" dia maneho olona. DH: "ireo rehetra izay tsy mbola nahita Ahy manokana" na "ireo rehetra izay tsy mbola nifanatri-tava tamiko"



**mba hampahery ny fon'izy ireo**

Paoly dia mampiditra ireo Galatiana na dia mampiasa anarana hafa aza izy. DH: "mba hampahery ny fon'izy ireo sy ny anareo"

**fampiraisana azy ireo miaraka**

Izany dia midika hoe entina amin'ny fifandraisana akaiky.

**ny harena rehetra amin'ny fahalalana azo antoka**

Paoly dia miresaka ny olona iray toy ny hoe mahatoky tanteraka fa ireo vaovao mahafaly dia marina tahaka ny maha-mpanan-karena ny olona iray amin'ny zavatra mivaingana.

**ny fahamarinana miafin'Andriamanitra**

Izany dia fahalalana izay Andriamanitra irery ihany no afaka manambara azy.

**izany hoe, i Kristy**

Jesosy Kristy no ilay fahamarinana miafina izay ambaran'Andriamanitra.

**Ao aminy ny haren'ny fahendrena sy izay fahalalana rehetra no miafina**

Kristy irery ihany no afaka manambara ny fahendrena sy fahalalana marina. DH: "Andriamanitra dia nanafina ny haren'ny fahendrena sy fahalalana rehetra tao amin'i Kristy"

**ny haren'ny fahendrena sy izay fahalalana**

Paoly dia miresaka ny fahendrena sy fahalalan'Andriamanitra toy ny hoe harena mivaingana. DH: "ny fahendrena sy fahalalana sarobidy indrindra"

**ny fahendrena sy fahalalana**

Ireo teny ireo dia mitovy dika eto. Paoly dia mampiasa ireo miaraka mba hanamafisana ny fahalalana ara-panahy izay avy amin'i Kristy.

**Colossians 2:4****hitarika**

Izany dia midika hoe hahatonga ny olona hino zavatra tsy marina, ka hiasa amin'izany finoana izany izy, ary hijaly mafy vokatr'izany.

**lahateny mandresy lahatra**

lahateny izay hahatonga ny olona iray hihevitra amin'ny fomba hafa

**tsy miaraka aminareo ao amin'ny nofo**

"tsy eo anatrehanareo ara-batana"

**miaraka aminareo ao amin'ny fanahy**

"mieritreritra ny momba anareo hatrany Aho"

**filaminanareo tsara**

manao zavatra madio

**ny tanjakin'ny finoanareo**

"tsy misy zavatra na olona afaka manajanona anareo amin'ny finoana"

**Colossians 2:6****Mifotora mafy aminy ... miorena ao aminy .. miorena ... mazotoa**

Ireo teny ireo dia manazava ny dikan'ny hoe: "mandeha miaraka Aminy."

**Mifotora mafy aminy**

Paoly dia miresaka ny olona iray manam-pinoana marina ao amin'i Kristy toy ny hoe hazo izay manana faka lalina sy mitombo.

**miorena ao aminy**

Paoly dia miresaka ny olona iray manam-pinoana marina ao amin'i Kristy toy ny hoe fanorenana izay manana fototra matanjaka.

**miorena amin'ny finoana**

"matokia an'i Jesosy amin'ny zava-drehetra"

**izay efa nampianarina anareo**

Tsara ny tsy fitenenana na fanononana ny anaran'ilay nampianatra, dia i Epafra eto (1:7). Afaka atao hoe: "arak'izay efa nianaranareo" na "araka izay nampianarin'izy ireo anareo" na "araka izay efa nampianariny anao"

**mazotoa manome fisaorana**

Paoly dia miresaka ny fisaorana toy ny hoe zavatra izay afaka azon'ny olona iray. DH: "meteza ho be fisaorana an'Andriamanitra"

**Colossians 2:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia mankahery ireo mpino mba hitandrina mba tsy hanova ny teny na hanapaka eo amin'ny hafa satria tsy misy na inona na inona afaka ampiana amin'ny fahafenoan'Andriamanitra izay hananan'ny mpino ao amin'i Kristy.

**Mitandrema**

"Ataovy azo antoka fa"

**hisambotra anareo**

Paoly dia miresaka ny fomba afaka hinoan'ny olona iray ireo fampianarana diso (satria izy ireo dia mino zavatra diso na tia zavatra diso) toy ny hoe olona iray izay voasambotra ara-batana sy nitazona io olona io tamin-kery.

**filozofia**

fampianarana ara-pivavahana sy ara-pinoana izay tsy avy amin'ny tenin'Andriamanitra fa avy amin'ny eritreritry ny olombelona momba an'Andriamanitra sy ny fiainana

**fitaka foana**

Paoly dia miresaka ny hevitra diso izay tsy miteraka na inona na inona ary tsy misy vidiny toy ny daba fasian-javatra izay tsy misy na inona na inona ao anatiny.

**araky ny fanaon'ny olona ... ny endrik'izao tontolo izao**

Ny fombafomba Jiosy sy pagana (Jentilisa) momba ny ara-pinoana dia zava-poana. "Ny endrik'izao tontolo izao" dia mety hoe maneho ny fanahy ratsy izay milaza hanapaka ny tany sy voaravaky ny olona. Kanefa ny mpandika teny sasany dia nahita "ny endrik'izao tontolo izao" ho fampianaran'ny olona momba ny tany.

**ao Aminy no mitoetra ny fahatsaran'ny tenan'Andriamanitra rehetra**

"Ny maha-izy Azy an'Andriamanitra feno dia miforona ao amin'i Kristy"

**Colossians 2:10****Tao Aminy ihany koa ianareo no noforaina**

Paoly dia miresaka an'ireo izay an'i Kristy toy ny hoe ao anatin'ny vatan'i Kristy izy ireo. DH: "Rehefa miray amin'ny fiangonana amin'ny batisa ianareo, dia forain'Andriamanitra"

**Feno ianareo ao Aminy**

Paoly dia miresaka ny olona toy ny hoe daba fasian-javatra izay nametrahana Andriamanitra an'i Kristy. DH: "feno ianareo ao amin'i Kristy"

**Izy no lohany**

Kristy no mpanapaka

**famorana izay tsy nataon'ny olombelona**

Amin'izany sarin-teny izany, Paoly dia miteny fa Andriamanitra nanao ny mpino Kristiana ho azony ekena amin'ny fomba izay mampahatsiahy azy ny famorana, ny fankalazana izay nampidirana ny zazalahy ao amin'ny vondron'Israely.

**Niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ianareo**

Paoly dia miresaka ny vita batisa sy ny firaisana ao amin'ny vondron'ny mpino toy ny hoe niara-nalevina tamin'i Kristy. DH: "Andriamanitra nandevina anao niaraka tamin'i Kristy rehefa niray tamin'ny fiangonana tamin'ny batisa ianao"

**ary tao Aminy no nananganana anareo**

Amin'ity sarin-teny ity, Paoly dia miresaka ny fiainana ara-panahy vaovaon'ny mpino, ho misy satria Andriamanitra nanao an' i Kristy ho velona indray. DH: "satria ianareo nampiray ny tenanareo tamin'i Kristy, Andriamanitra dia nanangana anareo"

**Colossians 2:13****Fony ianareo maty**

Paoly dia miresaka ny tsy firaikan'ny olona amin'Andriamanitra toy ny hoe fahafatesana. DH:

"rehefa tsy afaka mamaly an'Andriamanitra ianareo mpino Kolosiana"

**Fony ianareo maty ... izy no namelona anareo**

Amin'ity sarin-teny ity Paoly dia miresaka ny fahatongavana amin'ny fiainam-panahy vaovao toy ny hoe fiverenana amin'ny fiainana ara-batana.

**maty tamin'ireo fahotana sy ny tsy fahavitan'ny nofonareo famorana**

Maty ianareo amin'ny fomba roa: 1) maty ara-panahy ianareo, miaina fiainam-pahotana manohitra an'i Kristy ary 2) tsy voafora araka ny lalàn'i Mosesy ianareo.

**namela antsika tamin'ireo fahotantsika rehetra**

"izy dia namela antsika, Jiosy sy ianareo Jentilisa, tamin'ny fahotantsika rehetra"

**Nofafany ny rakitsoratin'ny trosam-panafahana sy ireo fitsipika nifanohitra tamintsika**

Paoly dia miresaka ny fomba namelan'Andriamanitra ny fahotantsika toy ny hoe olona iray, izay manana trosam-bola sy fananana, mamotika ny raki-tsoratra ny trosa ka tsy voatery handoa aminy.

**Izy dia nanao fampisehoana ampahibemaso an'izy ireo**

Tamin'ny andron'ny Romana, dia fomban'ny tafika Romana ny manana fandresena rehefa miverina mody izy ireo, maneho an'ireo gadra izay voasambotr'izy ireo sy ny entana azon'izy ireo. Andriamanitra dia nandresy ny hery sy ny fahefan'ny ratsy.

**tamin'ny hazo fijaliana**

Eto ny hoe: "ny hazofijaliana" dia maneho ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana.

**Colossians 2:16****amin'ny fihinana na amin'ny fisotroana**

Ny lalàn'i Mosesy dia mampiditra izay azon'ny iray hohanina sy sotroina. "fa izay hohaninao sy sotroinao"

**amin'ny andro fety na amin'ny volana vaovao, na amin'ny andro Sabata**

Ny lalàn'i Mosesy dia mamaritra ireo andro hankalazana, hiderana, ary hanolorana sorona. "fa ny fomba hankalazanao ireo andron'ny fankalazana na tsinam-bolana na Sabata"

**alok'ireo zavatra ho avy**

Ny aloka dia hevitra mivelatry ny bika sy ny toetry ny zavatra iray. Amin'ny fomba mitovy amin'izany, ny fomba ara-pivavahana toy ny lalàn'i Mosesy dia tsy afaka mampiseho afa-tsy ny tena izy amin'i Jesosy Kristy.

**fa ny tena izy dia**

ilay zavatra izay mandroaka ny "aloka."

**Colossians 2:18**

**Aza avela hisy na iza na iza ... hitsara anareo ka tsy hahazoanareo ny lokanareo**

Eto Paoly dia manondro ireo mpampianatra sandoka toy ny hoe manao kolikoly ny fitsarana amin'ny fifaninanana atletika izay hanala tsy aradrariny ireo mpino amin'ny fandresena ny loka izay ho azy ireo, ary miteny an'i Kristy namonjy olona iray toy ny hoe Kristy manome loka an'izay mpandresin'ny fifaninanana tahaka izany. DH: "Aza avela hisy na iza na iza ... hanala anareo amin'ny fandresena ny lokanareo"

**izay mila ny fanetren-tena**

Ny teny hoe: "fanetren-tena" dia hevitra ambadiky ny asa izay ataon'ny olona iray ka hampieritreritra ny hafa fa io olona iray io dia manetry tena. DH: "izay mila anao manao zavatra mampiseho fa manetry tena ianao"

**miditra amin'ny zavatra hitany**

Eto Paoly dia miresaka momba ny olona izay manambara hoe manana nofy sy fahitana avy amin'Andriamanitra ary miteny am-pireharehana momba azy ireny.

**ary manjary voatevateva amin'ny fisainan'ny nofony**

Eto Paoly dia miteny fa ny fomba fisainana feno fahotana dia mahatonga ny olona hiavonavona. DH: "mieboebo amin'ny fomba fisainany ara-nofo"

**mieboebo**

Eto ny olona iray izay mirehareha dia resahina toy ny hoe zavatra izay nasian'ny olona rivotra mba hampivelatra azy.

**ny fomba fisainany ara-nofo**

Eto ny hevitra ny nofo dia maneho ny maha-olombelona mpanota. "fisainana feno fahotana izay eritreretiny"

**Tsy mihazona izy**

Paoly dia miresaka ny fahatokisana an'i Kristy toy ny hoe misambotra an'i Kristy amin'ny tanana iray. DH: "Tsy misambotra azy mafy izy" na "Tsy misarangotra izy," tahaka ny fitazoman'ny zanaka mafy ny ray aman-dreniny.

**Izany dia avy amin'ny loha izay nomen'Andriamanitra ny vatana manontolo manerana ireo vanin-taolany sy ny**

**hozany izay manome ka mihazona izany rehetra izany mitambatra**

Paoly dia miresaka ny fiangonana, izay entin'i Kristy sy tohanany hery, toy ny hoe vatan'olombelona. "Izany dia avy amin'ny loha izay nanome ny vatana manontolo amin'ny alalan'ny vanin-taolany sy ny hozany ka mihazona izany mitambatra"

**Colossians 2:20**

**Raha maty niaraka tamin'i Kristy ianareo tamin'ireo endrik'izao tontolo izao**

Amin'izany sarin-teny izany, Paoly dia miresaka ny mpino ho toy ny olona iray izay miombona ara-panahy miaraka amin'i Kristy: maty i Kristy, ka ny mpino dia maty ara-panahy; velona indray Kristy, ka ny mpino dia velona indray amin'ny fiainana ara-panahy, izany hoe, mba ho firaikena amin'Andriamanitra.

**nahoana ary ianareo no miaina toy ny voatery amin'ny tany: "Aza ... mikasika"?**

Paoly dia mampiasa io fanontaniana io mba hibedesana ireo Kolosiana nohon'ny fanarahana finoana dison'ny tany. DH: "atsaharo ny fanekena ny finoana ny tany! Atsaharo ny finoana azy ireny rehefa miteny izy ireny, 'Aza ... mikasika'!"

**miaina toy ny voatery amin'ny tany**

"mieritreritra fa tsy maintsy mankato ny fanirian'ny tany"

**ny tany**

ireo fisainana, ireo faniriana, ary ireo fanandratan-tenan'ny ankabetsahan'ny olona feno fahotanan'izao tontolo izao.

**ho an'ny fahalovana**

"maty." Paoly eto dia mampiasa sarin-teny ho an'ny vatana lo (fahalovana) ao am-pasana.

**Ireny fitsipika ireny dia manana fahendren'ny fomba fivavahana, ny fanetren-tena izay nataon'ny tenany manokana ary ny fampahoriana ny vatana**

"Ireny fitsipika ireny dia toa hendry amin'ny tsy finoan'ny olona satria mamela ireo izay manaraka azy ireo hiseho ho manetry tena satria mampijaly ny vatan'izy ireo manokana"

**tsy manan-danja manohitra ny fanarahana filan'ny nofo**

"tsy manampy anao hanajanona ny fanirian'ny vatanao"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Koa raha Andriamanitra no nanangana anareo niaraka tamin'i Kristy, katsaho ireo zavatra any ambony, izay ipetrahan'i Kristy eo an-tanan- kavanan'Andriamanitra. <sup>2</sup> Saino ireo zavatra any ambony, fa tsy ireo zavatra eto an-tany. <sup>3</sup> Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo dia miafina miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. <sup>4</sup> Rehefa miseho i Kristy, izay fiainanareo, dia ianareo koa hiara-hiseho aminy ao amim-boninahitra. <sup>[1]</sup><sup>5</sup> Vonoy, avy eo, ireo mpikambana izay eto an-tany- ny filan-dratsy, fahalotoana, firehetan'ny filana, faniriana ratsy, ary fahatendana, izay fanompoan-tsampy. <sup>6</sup> Noho ireny zavatra ireny no hahatongavan'ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ireo zanakany ny tsy fankatoavana. <sup>[2]</sup><sup>7</sup> Tao amin'ireny zavatra izay nandehananareo ireny taloha ihany koa rehefa mbola niaina tao amin'ireny ianareo. <sup>8</sup> Fa ankehitriny ianareo dia tsy maintsy manary ireny zavatra rehetra ireny - fahatezerana, fahavinirana, ireo fikasan-dratsy, ireo fanevatevana, ary teny fahavetavetana avy amin'ny vavanareo. <sup>9</sup> Aza mifandainga, fa efa narianareo ny toetra taloha miaraka amin'ireo fampiharana izany, <sup>10</sup> ary notafinareo ny toetra vaovao izay nohavaozina ao amin'ny fahalalana araka ny endrik'izay namorona izany. <sup>11</sup> Ao amin'izany dia tsy misy Grika sy Jiosy, voafora sy tsy voafora, barbariana, Skytiana, andevo, olon'afaka, fa i Kristy no rehetra, ary ao amin'ny rehetra. <sup>12</sup> Koa, mitafia, araka ny maha-olom-boafidin'Andriamanitra, masina ary malala, famindram-po, hatsaram-panahy, fanetren-tena, fahalemam-panahy, ary faharetana. <sup>13</sup> Mifampitondrà tsara. Mifamelà. Raha misy olona iray manana fitarainana momba ny olona hafa, mamelà toy izay namelan'ny Tompo anareo. <sup>14</sup> Ambonin'ireny zavatra rehetra reny, manàna fitiavana, izay mamatotra antsika amin'ny fahatanterahana. <sup>15</sup> Aoka ny fiadanana i Kristy hanapaka ao amin'ny fonareo. Fa ho an'izany fiadanana izany no niantsoana anareo ho vatana iray. Ary misaora. <sup>16</sup> Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo. Amin'ny fahendrena rehetra mifampianara ary mifananara amin'ireo salamo sy fihirana ary hira ara-panahy. Mihirà amin'ny fisaorana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra. <sup>17</sup> Na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny na amin'ny asa, ataovy amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy ny rehetra. Manomeza fisaorana ho an'Andriamanitra ilay Ray amin'ny alalany. <sup>18</sup> Ry vehivavy, maneke ny vadinareo, fa izany no mety ao amin'ny Tompo. <sup>19</sup> Ry lehilahy, tiavo ny vadinareo, ary aza masiaka amin'izy ireo. <sup>20</sup> Ry zanaka, mankatoava ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra, fa izany no ankasitrana ao amin'ny Tompo. <sup>21</sup> Ry ray, aza manao izay mampalahelo ireo zanakareo, mba tsy ho kivy izy ireo. <sup>22</sup> Ry andevo, mankatoava ny tomponareo araka ny nofo amin'ireo zavatra rehetra, tsy amin'ny asa eo imaso toy ny olona mpila sitraka, fa amin'ny fo tsotra. Matahora ny Tompo. <sup>23</sup> Na inona na inona ataonareo, miasa avy amin'ny fanahinareo toy ny ho an'ny Tompo fa tsy ho an'ny olona. <sup>24</sup> Fantatrareo fa ianareo dia handray ny valisoan'ny lova avy amin'ny Tompo. Izy no Tompo Kristy izay tompoinareo. <sup>25</sup> Fa izay manao ny tsy fahamarinana dia handray ny sazy ho an'ny tsy fahamarinana izay nataony, ary tsy misy fizahan-tava.

### Footnotes

3:4 <sup>[1]</sup>Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: Ireo dikan-teny taloha sasany miteny hoe: "Rehefa miseho Kristy, izay fiainanareo, dia ianareo ihany koa dia hiara-hiseho miaraka aminy am-boninahitra.

3:6 <sup>[2]</sup>Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: Ny dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "Noho ireny zavatra ireny no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra."

### Colossians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia mampitandrina ireo mpino satria izy ireo dia iray miaraka amin'i Kristy, izy ireo dia voarara hanao zavatra sasantsasany.

#### Andriamanitra no nanangana anareo niaraka tamin'i Kristy

Satria Andriamanitra no nanangana an'i Kristy ho any an-danitra, Andriamanitra dia hanisa ireo

mpino Kolosiana toy ny nananganany azy ireo ihany koa ho any an-danitra.

#### ireo zavatra any ambony

"ireo zavatra any an-danitra"

#### Fa efa maty ianareo

Satria maty i Kristy ankehitriny, Andriamanitra dia hanisa ireo mpino Kolosiana toy ny hoe maty miaraka amin'i Kristy.

**ny fiainanareo dia miafina miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra**

Paoly dia miresaka ny fiainan'ny olona toy ny hoe zavatra izay afaka afenina anaty daba fasian-javatra ary miresaka an'Andriamanitra toy ny hoe daba fasian-javatra. DH: Ireo mety ho dikany: 1) "izany dia tahaka ny nandraisan'Andriamanitra ny fiainanareo sy nanafenana izany niaraka tamin'i Kristy teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra" na 2) "Andriamanitra irery ihany no mahafantatra izay tena fiainanareo marina, ary hanambara izany Izy rehefa hanambara an'i Kristy"

**izay fiainanareo**

Kristy dia ilay iray izay manome fiainana arapahy ny mpino.

### Colossians 3:5

**Vonoy, avy eo, ireo mpikambana izay eto an-tany**

Paoly dia miresaka ny faniriana feno fahotana toy ny hoe ampahan'ny vatan'ny olona ampiasaina mba hanome fahafaham-po azy ireo.

**fahalotoana**

"toetra maloto"

**firehetan'ny filana**

"faniriana mahery sy fahavetavetana"

**ary fahatendana, izay fanompoan-tsampy**

"ary fahatendana, izay mitovy amin'ny fanompoan-tsampy" na "ary aza tia tena satria izany dia mitovy amin'ny fanompoan-tsampy"

**fahatezeran'Andriamanitra**

Ny fahatezeran'Andriamanitra manohitra ireo izay manao ny ratsy tamin'alalan'izay nataony mba hanasaziana azy ireo.

**zanaky ny tsy fankatoavana**

"zanak'olombelona tsy mankato" na olona izay tsy mankato Azy"

**Tao amin'ireny zavatra izay nandehananareo ireny taloha**

Paoly dia miresaka ny fahazaran'ny olona iray toy ny hoe lalana izay handehanan'ny olona iray. DH: "Ireo dia zavatra izay nahazatra anao"

**rehefa mbola niaina tao amin'ireny ianareo**

Ireo mety ho dikany: 1) "rehefa nanao ireny zavatra ireny ianareo" na 2) "rehefa niaina teo amin'ny olona izay tsy nankato an'Andriamanitra ianareo"

**fahatezerana, fahavinirana**

Ny teny hoe: "fahatezerana" eto dia maneho ny fahatezeran'ny olona iray amin'ireo izay tsy nahafaly azy tamin'ny fihetsika nataony, izay mandratra olona.

**fahavinirana**

fahatezerana mafy

**ny filan-dratsy**

"faniriana hanao asa ratsy"

**fanevatevana**

lahateny ampiasaina mba handratrana ny hafa

**teny fahavetavetana**

ireo teny izay tsy mahalala fomba

**avy amin'ny vavanareo**

Eto ny teny hoe: "vava" dia hevitra ambadiky ny firesahana. "amin'ny firesahanareo"

### Colossians 3:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia manohy miteny amin'ireo mpino ny fomba fiainana sy mampatsiahy azy ireo fa ny Kristiana dia tokony hitondra ny tsirairay amin'ny fomba mitovy.

**efa narianareo ny toetra taloha miaraka amin'ireo fampiharana izany, ary notafinareo ny toetra vaovao**

Eto Paoly dia miresaka ny fanarian'ny Kristiana ny fahotan'izy ireo taloha toy ny hoe akanjo tonta izay esoriny mba hahafahany manao akanjo vaovao. Hiraiana izany teo amin'ireo Israelita toa an'i Paoly miteny ny toetra tsara toy ny hoe tapa-damba.

**ny endrika**

Izany dia maneho an'i Jesosy Kristy.

**tsy misy Grika sy Jiosy, voafora sy tsy voafora, barbariana, Skytiana, andevo, olon'afaka**

Ireo teny ireo dia ohatra amin'ny karazan'olona izay tenenin'i Paoly ho misy lanjany eo amin'Andriamanitra. Andriamanitra dia mahita ny olon-drehetra mitovy amin'izany, tsy amin'ny firazanana, finoana, fiaviana, na toerana. DH: "ny firazanana, ny fivavahana, ny fombafomba, ary ny fiaviana dia tsy ilaina"

**barbariana**

vahiny izay tsy mahafantatra ireo fombafomba eo an-toerana

**Skytiana**

Io dia olona iray avy any amin'ny tanin'i Skytia, izay any ivelan'ny Fanjakana Romana. Ireo Grika sy ireo Romana dia mampiasa io teny io ho an'ny olona iray izay lehibe tao amin'ny toerana iray nanaovan'ny olon-drehetra zavatra ratsy isan'andro isan'andro.

**Kristy no rehetra, ary ao amin'ny rehetra**

Tsy misy na iza na iza alàna na miala amin'ny fanapahan'i Kristy. DH: "Kristy no manan-danja indrindra ary mivelona ao amin'ny olony rehetra"

### Colossians 3:12

**Koa, mitafia ... famindram-po**

Tahaka ny olona iray miakanjo, no hampisehoan'ireo mpino famindram-po ary toetra tsara hafa amin'ny tsirairay. Ny famindram-po dia

heverina matetika fa foiben'ny fihetsem-pon'ny fangorahana. Ny mpandika teny dia mety hanova io lahateny io araka ny hevitr'izy ireo. DH: "Mamindrà fo isan'andro isan'andro"

#### Koa

"Satria izay vao avy nolazaiko dia marina"

#### araka ny maha-olom-boafidin'Andriamanitra

Izany dia afaka atao hoe: DH: "tahaka ireo izay nofidin'Andriamanitra ho Azy, izay iriny hahita Azy mitokana, ary ireo izay tiany"

#### hatsaram-panahy

"fahatsorana"

#### fanetren-tena

"fanetren-tena ara-tsaina"

#### fahalemam-panahy

"fahatsorana"

#### Mifampitondrà tsara

"Aza avela ho mora tezitra faingana amin'ny hafa ny tenanareo" na "Mifankatiava na dia mifandiso fanantenana aza ianareo"

#### Mifamelà

"Ataovy tsara kokoa noho izay hitondran'ny hafa anao ny fitondranao azy ireo"

#### manana fitarainana momba ny olona hafa

"mitaraina ny amin'ny"

#### izay mamatotra antsika amin'ny fahatanterahana

" izay mamatotra antsika amin'ny fahalavorariana"

### Colossians 3:15

#### Aoka ny fiadanana'i Kristy hanapaka ao amin'ny fonareo

Paoly dia miresaka ny fiadanana izay nomen'i Kristy toy ny hoe fanapahana. Ireo mety ho dikany 1) "Ataovy izay rehetra hahazoanareo fifandraisana feno fiadanana" na 2) "Avelao Andriamanitra hanome fiadanana ao am-ponareo"

#### ao am-ponareo

Mandeha ho azy ho an'i Paoly ny miresaka ny fo toy ny hoe toerana izay hahatsapan'ny olona ny fepetra faran'izay mafy toy ny fiadanana. Tokony ampiasainao eto ny teny izay mamaritra ny fahatsapana ny fiadanana amin'ny fitenim-paritrao.

#### Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo

Paoly dia miresaka ny tenin'i Kristy toy ny hoe olona iray izay afaka miaina ao anatin'ny olona hafa. "Matokia lalandava ny fampanantenan'i Kristy"

#### mifananara

"mifampitandrema ary mifampahereza"

#### amin'ireo salamo sy fihirana ary hira ara-panahy

"amin'ny karazan-kira fiderana an'Andriamanitra"

#### amin'ny fisaorana ao am-ponareo

"fo feno fisaorana"

#### amin'ny teny na amin'ny asa

fitenenana na fiasana

#### amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy

"mba hanome voninahitra ny Tompo Jesosy" na "amin'ny fahefan'ny Tompo Jesosy"

#### amin'ny alalany

Ireo mety ho dikany: 1) satria Izy nanao ireo asa lehibe na 2) satria Izy nahatonga ny olona afaka miresaka amin'Andriamanitra ka manome fisaorana Azy.

### Colossians 3:18

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly avy eo dia nanome torolalana manokana an'ireo reny, ray, zanaka, raibe, ary tompo.

#### Ry vehivavy, maneke ny

"Ry vehivavy, mankatoava"

#### izany no mety

"izany no marina"

#### aza masiaka amin'izy ireo

"aza ratsy fanahy amin'ny" na "aza tezitra amin'ny"

#### aza manao izay mampalahelo ireo zanakareo

"aza manao izay mampatezitra ny zanakareo amin'ny tsy misy antony"

### Colossians 3:22

#### mankatoava ny tomponareo araka ny nofo

"ankatoavy ireo tomponareo ara-nofo"

#### zavatra rehetra, tsy amin'ny asa eo imaso toy ny olona mpila sitraka

"zavatra. Aza atao hoe rehefa mijery ihany ny tomponareo vao mankato ianareo, tahaka ny hoe mila sitraka amin'ny olona fotsiny ianareo"

#### ho an'ny Tompo

"toy ny fiasanao ho an'ny Tompo"

#### ny valisoan'ny lova

"ny lova ho valisoanareo"

#### ny lova

Ny fandraisana izay nampanantenain'Andriamanitra ireo mpino dia resahina toy ny hoe fandovana tany sy harena avy amin'ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana.

#### izay manao ny tsy fahamarinana dia handray ny sazy

"Andriamanitra dia hanasazy izay rehetra manao ny tsy fahamarinana"

**manao ny tsy fahamarinana**  
izay manao karazana fahadisoana

**tsy misy fizahan-tava**  
"Andriamanitra dia mitsara ny olon-drehetra  
amin'ny fomba mitovy"

---

## Chapter 4

<sup>1</sup> Ry tompo, omeo ireo andevo izay marina sy rariny. Fantatrareo fa ianareo ihany koa manana tompo iray any an-danitra. <sup>2</sup> Mahareta mandrakariva amin'ny fivavahana. Miambena amin'izany amin'ny fanomezana fisaorana. <sup>3</sup> Miaraha mivavaka ho anay ihany koa, mba hanokafan'Andriamanitra varavarana ho an'ny teny, mba hilazana ny fahamarinana miafin'i Kristy. Nohon'ny amin'izany, dia voafatotra aho. <sup>4</sup> Mivavaha mba ahafahako manazava izany, raha tokony hiteny aho. <sup>5</sup> Mandehana amin'ny fahendrena any amin'ireo izay any ivelany, ary araraoty ny fotoana. Aoka ny teninareo hiaraka amin'ny fahasoavana hatrany. <sup>6</sup> Aoka ireo ho vonton-tsira, mba hahafahanareo mahalala ny fomba tokony hamalianareo ny olona tsirairay. <sup>7</sup> Raha ireo zavatra momba ahy, dia i Tykyko no hampahafantatra ireny aminareo. Izy dia rahalahy malala, mpanompo mahatoky, ary mpiara-manompo ao amin'ny Tompo. <sup>8</sup> Nalefako any aminareo izy noho izao, mba ahafahanareo mahafantatra ny zavatra momba anay, ary mba ahafahany mampahery ny fonareo. <sup>9</sup> Nalefako izy niaraka tamin'i Onesimosy, ilay rahalahy mahatoky sady malala, izay iray aminareo. Izy ireo no hilaza aminareo ny zava-drehetra izay efa nitranga taty. <sup>10</sup> Aristarko, ilay miara-migadra amiko, dia miarahaba anareo, tahaka izany koa i Marka, havan'i Barnabasy (izay nahazoanareo baiko; raha mankany aminareo izy, dia raiso), <sup>11</sup> ary Jesosy ihany koa izay antsoina hoe Josto. Ireo avy amin'ny voafora ireo ihany no mpiara-miasa amiko ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Fampiononana ho ahy izy ireo. <sup>12</sup> Epafra dia miarahaba anareo. Iray aminareo izy ary mpanompon'i Kristy Jesosy. Mitolona am-bavaka ho anareo foana izy, mba hahatanteraka anareo ary hahazo antoka tanteraka ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra rehetra. <sup>13</sup> Fa mijoro vavolombelona ho azy aho, fa miasa mafy ho anareo izy, sy ho an'ireo any Laodika, ary ho an'ireo izay any Hierapolia. <sup>14</sup> Lioka ilay mpitsabo malala sy Demasy dia miarahaba anareo. <sup>15</sup> Arahabao ireo rahalahy any Laodika, sy Nymfa, ary ny fiangonana izay ao an-tranony. <sup>16</sup> Rehefa voavaky eo anivonareo ity taratasy ity, dia ataovy vakiana ao amin'ny fiangonan'ny Laodikiana ihany koa, ary ataovy voavakinareo ihany koa ny taratasy avy any Laodika. <sup>17</sup> Lazao i Arikipo hoe: "Tandremo ny asa fanompoana izay noraisinao tao amin'ny Tompo, fa tokony ho tanterahinareo izany." <sup>18</sup> Ity fanaovam-beloma ity dia ataon'ny tanako manokana -Paoly. Tsarovy ny fifatorako. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

### Footnotes

4:8 <sup>[1]</sup> Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: ireo dikan-teny sasany taloha mivaky hoe: "nalefako any aminareo izy noho izao, mba ahafahany mahafantatra ireo zavatra momba anareo, ary mba ahafahany mampahery ny fonareo".

### Colossians 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Rehefa avy niresaka tamin'ireo tompo, Paoly dia namarana ny torolalana manokany tamin'ireo karazana mpino ao amin'ny fiangonana ao Kolosia.

#### marina sy rariny

Ireo teny ireo dia mitovy dika tanteraka ary ampiasaina mba hanamafisana ny zavatra izay marina ara-tsaina.

#### ianareo ihany koa manana tompo iray any an-danitra

Ny fifandraisana eo amin'ny tompo sy ny andevony dia tian'Andriamanitra ho tia ny lalan'Andriamanitra, ilay tompo any an-danitra, hitia ireo mpanompony ety an-tany, ao anatin'izany ireo andevon'ireo tompo ety an-tany.

### Colossians 4:2

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia manohy ny fanomezany torolalana an'ireo mpino ny amin'ny fomba fiainana sy fitenenana.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto ny teny hoe: "izahay" dia maneho an'i Paoly sy Timoty fa tsy ireo Kolosiana.

#### Mahareta mandrakariva amin'ny fivavahana

"Mivavaha am-pinoana hatrany" na "Mivavaha mandrakariva"

#### hanokafan'Andriamanitra varavarana

"Andriamanitra dia hanome fahafahana"

#### ny fahamarinana miafin'i Kristy

Izany dia maneho ny filazantsaran'i Jesosy Kristy, izay tsy fantatra talohan'ny fahatongavan'i Kristy.



**Nohon'ny amin'izany, dia voafatotra aho**

Eto ny hoe: "voafatotra" dia hevitra ambadiaky ny hoe any an-tranomaizina. DH: "Nohon'ny fitoriana ny hafatr'i Jesosy Kristy no mahatonga ahy ho aty an-tranomaizina ankehitriny"

**Mivavaha mba ahafahako manazava izany**

"mivavaha mba ho afaka miteny mazava ny hafatr'i Jesosy Kristy aho"

**Colossians 4:5****Mandehana amin'ny fahendrena any amin'ireo izay any ivelany**

Ny hevitra ny hoe mandeha matetika dia ampiasaina amin'ny hevitra ny fitondran'ny olona iray ny fiainany. DH: "Mandehana amin'ny fomba fiainana tahaka izany mba hahitan'ireo izay tsy mpino fa hendry ianareo"

**ary araraoty ny fotoana**

"manaova ny zavatra tsara indrindra izay afaka ataonao amin'ny fotoanao" na "ampiasao amin'izay tsara ny fotoana"

**Aoka ny teninareo hiaraka amin'ny fahasoavana hatrany. Aoka ireo ho vonton-tsira**

Ny sakafo misy sira dia sarin-tenin'ireo teny izay mampianatra ny hafa ary tian'ny hafa ny mihaino azy. "Aoka ny resakareo mba hiaraka amin'ny fahasoavana hatrany ary mahasarika"

**mba hahafahanareo mahalala ny fomba tokony hamalianareo**

"ny fomba hamalianareo ireo fanontaniana avy amin'iza na iza momba an'i Jesosy Kristy" na "mba ho afaka hitondra tsara ny olon-drehetra ianareo"

**Colossians 4:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia mamarana amin'ny torolalana manokana momba ny olona sasany sy fanaovam-beloma ho an'ny sy avy amin'ny mpino tsirairay.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Onesimosy dia andevon'i Filemona tany Kolosia. Nangalatra vola tamin'i Filemona izy ary nitsoaka tao Roma tao amin'izay nahalasa azy ho Kristiana tamin'ny alalan'ny asa fanompoan'i Paoly. Ankehitriny dia i Tykiko sy Onesimosy no mitondra ireo hafatr'i Paoly ho any Kolosia.

**ireo zavatra momba ahy**

"ny zava-drehetra izay niseho tamiko"

**mpiara-manompo**

Satria olon'afaka i Paoly, dia nahita ny tenany tahaka ny mpanompon'i Kristy izy ary nahita an'i Tykiko tahaka ny mpiara-manompo.

**momba anay**

Tsy tafiditra ao anatin'izany ireo Kolosiana.

**ahafahany mampahery ny fonareo**

Ny fo dia heverina ho foiben'ny fihetsem-po maro. DH: "mba hankahery anareo"

**mahatoky sady malala**

Paoly dia miantso an'i Onesimosy ho namana Kristiana ary mpanompon'i Kristy.

**Izy ireo no hilaza**

"Tykiko sy Onesimosy hilaza"

**ny zava-drehetra izay efa nitranga taty**

Izy ireo dia hilaza ireo amin'ireo mpino Kolosiana izay rehetra niseho amin'ny fotoana tsy maha-eo an'i Paoly. Ny tantara dia milaza fa Paoly dia tao Roma tany an-tranomaizina tamin'izany fotoana izany.

**Colossians 4:10****Aristarko**

Tany an-tranomaizina niaraka tamin'i Paoly tao Efesosy izy tamin'i Paoly nanoratra taratasy ho an'ireo Kolosiana.

**raha mankany aminareo izy**

"raha mankany aminareo i Marka"

**Jesosy ihany koa izay antsoina hoe Josto**

Lehilahy izay niara-niasa tamin'i Paoly ihany koa io.

**Ireo avy amin'ny voafora ireo ihany no mpiara-miasa amiko ho an'ny fanjakan'Andriamanitra**

Paoly eto dia mampiasa ny "famorana" mba hanehoana ireo Jiosy satria, eo ambanin'ny lalàn'ny Testamenta Taloha, ny Jiosy rehetra dia tsy maintsy voafora. DH: "Ireo lehilahy telo ireo ihany no Jiosy mpino miara-miasa amiko mba hitory an'Andriamanitra ho mpanjaka amin'ny alalan'i Kristy Jesosy"

**Ireo avy amin'ny voafora**

"Ireo lehilahy ireo- Aristakosy, Marka, ary Josto-izay avy amin'ny voafora"

**Colossians 4:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Laodikia sy Hierapolia dia tao amin'ny tanàna akaiky an'i Kolosia.

**Epafra**

Epafra dia lehilahy iray izay nitory ny vaovao mahafaly tamin'ny olona tao Kolosia. (Jereo ny 1:7)

**Iray aminareo**

"avy amin'ny tanànanareo" na "lehilahy mpiray tanàna aminareo"

**mpanompon'i Kristy Jesosy**

"mpianatr'i Kristy Jesosy"

**Mitolona am-bavaka ho anareo foana izy**  
"mivavaka ho anao hatrany"

**mba hahatanteraka anareo ary hahazo antoka tanteraka**  
"tokony ho matotra sy mahatoky ianareo"

**mijoro vavolombelona ho azy aho, fa miasa mafy ho anareo izy**  
"Izaho dia nahita fa miasa mafy ho anareo izy"

**Demasy**  
mpiara-miasa amin'i Paoly iray hafa io.

#### **Colossians 4:15**

**rahalahy**  
Midika hoe namana Kristiana izany eto, ao anatin'izany ny lehilahy sy vehivavy.

**any Laodika**  
tanàna iray izay tena akaiky an'i Kolosia toerana izay misy fiangonana ihany koa

**Nymfa, ary ny fiangonana izay ao an-tranony**  
Vehivavy iray izay atao hoe Nymfa nampiantrano fiangonana iray. DH: "Nymfa sy ireo vondron'ireo mpino nihaona tao an-tranony"

**Lazao i Arikipo hoe: "Tandremo ny asa fanompoana izay noraisinao tao amin'ny Tompo, fa tokony ho tanterahinareo izany."**

Paoly dia mampatsiahy an'i Arikipo ny asan'Andriamanitra nomena azy fa izy, Arikipo, dia eo ambanin'ny adidy amin'Andriamanitra hanatanteraka izany. Ireo teny hoe: "Tandremo," "izay noraisinao," ary "tokony hotanterahinao" dia samy maneho an'i Arikipo avokoa ka tokony atao hoe: ianao.

#### **Colossians 4:18**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Paoly dia mamarana ny taratasiny amin'ny fanaovana veloma voasoratra ny tanany manokana.

**Tsarovy ny fifatorako**  
Paoly miteny ny fatotra izay midika hoe izy tany an-tranomaizina. DH: "Tadidio aho ary mivavaha ho ahy rehefa any am-pigadrana aho"

**Ho aminareo anie ny fahasoavana**  
Eto ny hoe: "fahasoavana" dia maneho an'Andriamanitra, izay mampiseho fahasoavana ary malemy fanahy amin'ireo mpino. DH: "Mivavaka aho mba hanome fahasoavana anareo rehetra hatrany ny Tompontsika Jesosy Kristy"

## Book: 1 Thessalonians

### 1 Thessalonians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, Silasy, ary Timoty ho an'ny fiangonan'ireo Tesaloniana ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana. <sup>[1]</sup><sup>2</sup> Manome fisaorana an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra, ka manonona anareo amin'ny vavakay. <sup>3</sup> Izahay dia tsy mitsahatra ny mahatsiaro anareo eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika ny asan'ny finoanareo, ny asan'ny fitiavanareo, ary fahatokisanareo maharitra ho an'ny ho avy ao amin'i Jesosy Kristy Tompontsika. <sup>4</sup> Ry rahalahy tian'Andriamanitra, fantatray fa Izy dia efa nifidy anareo, <sup>5</sup> satria ny filazantsaranay dia tonga taminareo tsy tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery ihany koa, tamin'ny Fanahy Masina, ary ny fahatokiana be. Mitovy amin'izany, ianareo ihany koa dia mahalala hoe olona toy ny ahoana izahay teo aminareo noho ny aminareo. <sup>6</sup> Nanjary nanahaka anay sy ny Tompo ianareo, tamin'ny nandraisanareo ny teny tamin'ny ady sarotra lehibe sy tamin'ny fifaliana avy amin'ny Fanahy Masina. <sup>7</sup> Vokatry'izany, tonga ohatra ho an'ny rehetra izay mino ao Makedonia sy Akaia ianareo. <sup>8</sup> Fa avy taminareo no nanenon'ny tenin'ny Tompo, ary tsy tao Makedonia sy Akaia ihany. Fa kosa, teny amin'ny toerana rehetra no nielezan'ny finoanareo an'Andriamanitra. Vokatry'izany, dia tsy mila milaza na inona na inona isika. <sup>9</sup> Fa izy ireo ihany no hilaza izay fandraisana azonay teo aminareo. Izy ireo dia milaza ny fomba nitodihanareo tamin'Andriamanitra ka niala tamin'ireo sampy mba hanompo an'Andriamanitra velona sy marina. <sup>10</sup> Izy ireo dia nitatitra fa ianareo dia miandry ny Zanany avy any an-danitra, izay natsangany tamin'ireo maty. Jesosy izany, izay manafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.

#### Footnotes

1:1 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky hoe: "Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo."

#### 1 Thessalonians 1:1

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia namaritra ny tenany ho mpanoratra ny taratasy ary niarahaba ireo fiangonana tany Tesalonika.

##### Paoly, Silasy, ary Timoty ho an'ny fiangonana

Ny UDB dia manazava tsara fa i Paoly no nanoratra ity taratasy ity.

##### Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana

Ny teny hoe: "fahasoavana" sy "fiadanana" dia entina ilazana ny olona izay maneho hatsaram-panahy sy mampiseho filaminana amin'olona. DH: "Andriamanitra anie ho tsara fanahy aminao ary hanome fiadanana ho anao."

##### Ho aminareo anie ny fiadanana

Ny teny hoe: "nareo" dia manondro ireo mpino Tesaloniana.

#### 1 Thessalonians 1:2

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Amin'ity taratasy ity ny teny hoe: "izahay" sy "anay" dia manondro an'i Paoly, Silasy, ary Timoty, raha tsy misy fanamarihana manokana. Ary ihany koa, ny teny hoe: "ianareo" dia ilazana maro ary manondro ireo mpino ao amin'ny fiangonana tany Tesalonika.

##### Manome fisaorana an'Andriamanitra mandrakariva izahay

Eto ny hoe: "mandrakariva" dia manolo-kevitra fa rehefa mivavaka amin'Andriamanitra i Paoly, dia manolotra mandrakariva ny Tesaloniana amin'ny vavaka ataony amin'Andriamanitra.

##### Manonona anareo amin'ny vavakay.

"Mivavaka ho anareo izahay."

##### Asan'ny finoana

Hetsika izay tontosa noho ny fitokiana amin'Andriamanitra.

## 1 Thessalonians 1:4

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia nanohy nisaotra ireo mpino tany Tesalonika ary nidera azy ireo noho ny finoany an'Andriamanitra.

### Rahalahy

Izany dia midika hoe: "mpiray finoana, anisan'izany ny lehiby sy vehivavy."

### Fantatray

Ny teny hoe: "anay" dia manondro an'i Paoly, Silasy, ary Timoty fa tsy ireo mpino Tesaloniana.

### Tsy amin'ny teny ihany

Tsy amin'ny alalan'ny fitoriana ny hafatr'Andriamanitra ihany.

**Fa tamin'ny hery ihany koa, tamin'ny Fanahy Masina**  
Mety ho dikany dia izao: 1) ny Fanahy Masina dia nanome an'i Paoly sy ireo namany ny fahafahana mitoro ny filazantsara amin-kery na 2) ny Fanahy Masina dia nahatonga ny fitoriana ny filazantsara hanana fiantraikany mahery eo anivon'ireo mpino Tesaloniana na 3) ny Fanahy Masina dia nanambara ny fahamarinan'ny fitoriana ny filazantsara tamin'ny alalan'ireo fahagagana, famantarana, ary ireo zava-mahagaga.

### Olona toy ny ahoana

"Ahoana ny fomba nitondrantsika ny tenantsika refaha."

## 1 Thessalonians 1:6

### Nanjary naka tahaka ianareo

"Maka tahaka" dia midika oe manao na mandika ny fitondran-tenan'ny hafa.

### Nandray ny teny

"Mandray ny fampianarana" na "manaiky ny fampianarana."

### Tamin'ny ady sarotra lehibe

"Nandritra ny fotoam-pahoriana mafy" na "tamin'ny fanenjehana be."

### Akaia

Izany dia distrika taloha tao amin'ny Gresy ankehitriny.

## 1 Thessalonians 1:8

### Nanenoan'ny

Eto Paoly dia miresaka ny fijoroana vavolombelon'ny Kristiana avy amin'ireo mpino Tesaloniana toy ny hoe lakolosy izay maneno na zava-maneno izay notendrena.

### Akaia

Izany dia distrika taloha tao amin'ny Gresy ankehitriny.

### Fa izy ireo ihany ... Izy ireo dia milaza ... Izy ireo dia nitatitra

Paoly dia manondro ny fiangonana izay efa nisy teo amin'ny faritra manodidina, izay nandre ny momba ireo mpino Tesaloniana.

### Izy ireo ihany

Eto ny hoe: "ihany" dia nampiasaina entina hanamafisana ireo olona izay nandre ny momba ireo mpino Tesaloniana.

### Izay fandraisana azonay teo aminareo

Eto ny hoe: "fandraisana" dia manondro ny fandraisana mavitrika an'i Paoly sy ireo namany. DH: "tena nafana ny fandraisanareo anay."

### Ny Zanany

Izany fiantsoana izany dia tena manan-danja ho an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

### Izay natsangany

"Izay natsangan'Andriamanitra."

### Tamin'ireo maty

Teo anivon'ireo rehetra izay maty. Izany fiteny izany dia mamaritra ireo olona maty rehetra tany amin'ny tontolo ambanin'ny tany.

### Izay manafaka antsika

Eto Paoly dia mampiditra ireo mpino Tesaloniana.



## Chapter 2

<sup>1</sup> Fa ny tenanareo dia mahalala, ry rahalahy, fa ny fahatongavanay teto aminareo dia tsy foana. <sup>2</sup> Fantatrareo fa teo aloha dia nijaly ary nalaim-baraka tany Filipy izahay. Izahay dia sahy tao amin'Andriamanitray hilaza taminareo ny filazantsaran'Andriamanitra tao anatin'ny fanoherana lehibe. <sup>3</sup> Satria ny fananaranay dia tsy avy tamin'ny fahadisoana, na avy tamin'ny fahalotoana, na avy tamin'ny fitaka. <sup>4</sup> Fa kosa, araka ny nankatoavan'Andriamanitra anay mba hatokisana amin'ny filazantsara, noho izany dia miteny izahay. Miteny izahay, tsy hampifaly ny olona, fa hampifaly an'Andriamanitra. Izy ilay mahalala ny fonay. <sup>5</sup> Satria tsy dia nampiasa na oviana na oviana ireo teny fandokafana izahay, araka ny fantatrareo, na koa ho fialan-tsiny amin'ny fitsiriritana, satria Andriamanitra no vavolombelonay. <sup>6</sup> Na koa nitady ny voninahitra avy amin'ny olona izahay, na koa avy aminareo na avy amin'ireo hafa. Izahay dia afaka nitaky ireo tombotsoa tahaka ireo apostolin'i Kristy. <sup>7</sup> Fa kosa, izahay dia tsotra teo aminareo toy ny reny mankahery ny zanany naterany. <sup>8</sup> Dia toy izany no nanananay fitiavana ho anareo. Faly izahay mizara aminareo, tsy ny filazantsara an'Andriamanitra ihany, fa ny fiainanay manokana ihany koa. Satria ianareo dia lasa malalanay tokoa. <sup>9</sup> Satria tsaroanareo, ry rahalahy, ny asanay sy ny fisasaranay. Andro aman'alina no niasanay mba tsy ahafahanay mampitondra mavesatra ny iray aminareo. Nandritra izany fotoana izany, dia nitory ny filazantsaran'Andriamanitra taminareo izahay. <sup>10</sup> Ianareo no vavolombelona, ary Andriamanitra ihany koa, fa masina, sy marina, ary tsy manan-tsiny ny fitondran-tenanay teo aminareo izay mino. <sup>11</sup> Toy izany ihany koa dia fantatrareo hoe toy ny ahoana no nataonay taminareo tsirairay toy ny ataon'ny ray amin'ny zanany naterany, <sup>12</sup> niangavy sy nankahery ary nandrisika anareo izahay mba handeha amin'ny fomba izay mendrika an'Andriamanitra, izay miantso anareo ho ao amin'ny fanjakany sy ny voninahiny manokana. <sup>13</sup> Fa izany antony izany no isaoranay ihany koa an'Andriamanitra mandrakariva. Fa ianareo rehefa nandray avy taminay ny hafatr'Andriamanitra izay renareo, dia noraisinareo izany tsy ho toy ny tenin'olona. Fa kosa, noraisinareo izany araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra. Izany teny izany ihany koa no miasa eo aminareo izay mino. <sup>14</sup> Satria ianareo, ry rahalahy, dia lasa tahaka ireo fiangonan'Andriamanitra any Jodia izay amin'i Jesosy Kristy. Fa ianareo ihany koa dia nijaly tamin'ireo zavatra ireo ihany noho ny nataon'ireo mpiray tanindrazana aminareo, sahala ny nanjo azy ireo koa noho ny nataon'ny Jiosy taminy. <sup>15</sup> Ireo Jiosy no namono na an'i Jesosy Kristy na ireo mpaminany. Ireo Jiosy no nandroaka anay. Tsy nankasitraka an'Andriamanitra izy ireo. Fa kosa, izy ireo dia fahavalon'ny olona rehetra. <sup>16</sup> Izy ireo dia nandrara anay tsy hiteny amin'ireo Jentilisa mba tsy hamonjena azy ireny. Vokatry izany dia mameno ny fahotan'ny tenany mandrakariva izy ireo. Ny fahatezerana dia tsy maintsy tonga eo amin'izy ireo amin'ny farany. <sup>17</sup> Tafasaraka taminareo izahay, ry rahalahy, nandritry ny fotoana fohy, tamin'ny fanatrehana fa tsy tamin'ny fo. Tena nazoto fatratra izahay, naniry mafy, ny hahita ny tavanareo. <sup>18</sup> Satria naniry ny ho any aminareo izahay, izaho, Paoly, matetitetika, nefa nanakana anay i Satana. <sup>19</sup> Fa inona moa ny fanantenanay ny ho avy, na fifaliana, na satro-boninahitry ny fandresena eo anatrehan'i Jesosy Tompontosika amin'ny fihaviany? Moa tsy ianareo toy ireo sasany hafa koa ve? <sup>20</sup> Fa ianareo no voninahitray sy fifalianay.

### Footnotes

2:7 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny hafa sasany dia mivaky toy izao: "Fa kosa, izahay dia toy ny zazakely teo aminareo, rehefa mankahery ny zanany naterany ny reniny."

### 1 Thessalonians 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia mamaritra ny asa fanompoana sy ny valisoa ho an'ireo mpino.

#### Ny tenanareo

Ny teny hoe: "tenanareo" dia manondro ireo mpino Tesaloniana.

#### Rahalahy

Eto izany dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy.

#### Ny fahatongavanay

Ny teny hoe: "anay" dia manondro an'i Paoly, Silasy, ary Timoty fa tsy ireo mpino Tesaloniana.

#### Dia tsy foana

Izany dia afaka lazaina amin'ny fomba tsara. DH: "dia tena nilaina."

**Teo aloha dia nijaly ary nalaim-baraka**  
"Nampijaliana sy notevatevaina."

**Tao anatin'ny fanoherana lehibe**  
"Raha mbola miady amin'ny fanoherana goavana."

### 1 Thessalonians 2:3

**Tsy avy tamin'ny fahadisoana, na avy tamin'ny fahalotoana, na avy tamin'ny fitaka**  
"Marina, madio, ary tsotra."

**Nankatoavan'Andriamanitra mba hatokisana**  
Paoly dia nosedraina ary voaporofa fa azon'Andriamanitra itokisana.

**Miteny izahay**  
Paoly dia miresaka momba ny fitoriana ny hafatry ny filazantsara.

**Izay mahalala ny fonay**  
Ny teny hoe "fo" dia teny fampiasa amin'ny faniriana sy ny eritreritry ny olona iray. DH: "izay mahalala ny faniriantika sy ny eritreritsika."

### 1 Thessalonians 2:5

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Paoly dia nilaza ireo mpino Tesaloniana fa ny fitondran-tenany dia tsy miorina amin'ny fandokana, fitiavan-karena, ary fanomezana voninahitra ny tena.

**Mampiasa teny fandokafana**  
"Miresaka aminao amin'ny fiderana tsy marina."

**Na ho fialan-tsiny amin'ny fitsiriritana**  
"Na nampiasa teny koa izahay mba hanafenana ny fanirian-dratsy ny volanareo."

**Afaka nitaky ireo tombotsoa**  
"Afaka nanizingizina ny mba hanomezanareo vola anay."

### 1 Thessalonians 2:7

**Toy ny reny mankahery ny zanany naterany**  
Toy ny reny mampahery ny zanany, Paoly, Silasy, ary Timoty dia niresaka tamim-pahalemam-panahy tamin'ireo mpino Tesaloniana.

**Dia toy izany no nanananay fitiavana ho anareo**  
"Izany no fomba nanehoanay ny fitiavanay anareo."

**Nanana fitiavana ho anareo izahay**  
"Tia anareo izahay."

**Faly izahay mizara aminareo, tsy ny filazantsara an'Andriamanitra ihany**  
Paoly dia manondro ny hafatry ny filazantsara ho toy ny zavatra izay azon'ny iray zaraina amin'ny hafa. Miteny no tiany lazaina amin'ny hoe "mizara."

**Faly izahay mizara aminareo ... ny fiainanay manokana**  
Paoly dia manondro ny fiainany sy ny namany toy ny hoe zavatra izay afaka zarain'izy ireo amin'ny hafa. Tiany lazaina eto dia ny hoe mandany fotoana sy ezaka amin'ireo mpihaino azy.

**Lasa malalanay tokoa ianareo**  
"Nikarakara lalina anareo izahay."

**Rahalahy**  
Eto izany dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy.

**Ny asanay sy ny fisasaranay.**  
Ny teny hoe: "asa" sy "fisasarana" dia midika zavatra mitovy. Paoly dia nampiasa ireo mba hanamafisana ny fiasan'izy ireo mafy. DH: "tena niasa mafy izahay."

**Andro aman'alina no niasanay mba tsy ahafahanay mampitondra mavesatra ny iray aminareo**  
"Niasa mafy izahay mba hahavelona anay, mba tsy anohananao anay."

### 1 Thessalonians 2:10

**Fa masina, sy marina, ary tsy manan-tsiny**  
Paoly dia nampiasa teny telo hamaritana ny fitondran-tena tsaran'izy ireo amin'ireo mpino Tesaloniana.

**Toy ny ataon'ny ray amin'ny zanany naterany,**  
Paoly dia nampitaha ny fampaherezany ny Tesaloniana tamin'ny ray izay mampianatra ny zanany ny fomba tokony hitondran-tena.

**Niangavy sy nankahery ary nandrisika anareo izahay**  
Ny teny hoe: "miangavy," "mampahery," ary "mandrisika" dia hampiasaina miaraka mba hanehoana ny fampaherezan'ny vondron'i Paoly ny Tesaloniana. DH: "izahay dia mampahery mafy anareo."

**Ho ao amin'ny fanjakany sy ny voninahiny manokana**  
Ny teny hoe: "voninahitra" dia mamaritra ny teny hoe: "fanjakana." DH: "ao amin'ny fanjakany be voninahitra manokana."

### 1 Thessalonians 2:13

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Paoly dia nanohy nampiasa ny hoe "anay" anondroana ny tenany sy ireo namana niara nandeha taminy ary ny hoe "ianareo" ho an'ireo mpino Tesaloniana.

**Isaoranay ihany koa an'Andriamanitra mandrakariva**  
Matetika i Paoly no misaotra an'Andriamanitra noho ny faneken'izy ireo ny hafatry ny filazantsara izay nozarainy tamin'izy ireo.

**Noraisinareo izany araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra.**

Ireo Tesaloniana dia nino ny hafatr'i Paoly toy ny avy amin'Andriamanitra, fa tsy tamin'ny fahefan'i Paoly manokana.

**Izany teny izany ihany koa no miasa eo aminareo izay mino**

Paoly dia miresaka ny hafatry ny filazantsaran'Andriamanitra toy ny hoe olona nanao asa izany.

## **1 Thessalonians 2:14**

**Rahalahy**

Eto izany dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy.

**Lasa tahaka ireo fiangonana**

Ireo mpino Tesaloniana dia niaritra fanenjehana mitovy amin'ny mpino Joda "dia nanjary toy ireo fiangonana."

**Mpiray tanindrazana aminareo**

"Avy amin'ny Tesaloniana hafa."

**Izy ireo dia nandrara anay tsy hiteny**

"Izy ireo dia niezaka nanakana anay tsy hiteny intsony."

**Mameno ny fahotan'ny tenany mandrakariva izy ireo**

Paoly dia milaza fa toy ny misy olona afaka mameno fitoeran-javatra amin'ny fahotany toy ny amin'ny rano.

**Ny fahatezerana dia tsy maintsy tonga eo amin'izy ireo amin'ny farany**

Izany dia manondro ny fitsaran'Andriamanitra farany ary ny famaizana ny olona noho ireo fahotany.

## **1 Thessalonians 2:17**

**Rahalahy**

Eto izany dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy.

**Tamin'olona fa tsy tao am-po**

Na dia tsy nanatrika tao Tesalonika aza ny tenan'i Paoly, dia mifandray am-po amin'izy ireo izy.

**Hahita ny tavanareo**

Eto ny hoe: "ny tavanareo" dia midika hoe ny olona iray manontolo. DH: "mba ahita anao" na "mba hiaraka aminao."

**Izaho, Paoly, matetitetika**

Izaho, Paoly, niezaka matetitetika."

**Fa inona moa ny fanantenanay ... amin'ny fihaviany?**

Paoly dia nampiasa io fanontaniana io mba hampaherezana ireo mpino ary mamaly izany amin'ny andininy manaraka. DH: "Ianao no fanantenanay ny ho avy, fifalianay, ary satro-boninahitra amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tomponay.

**Fanantenanay ny ho avy ... Moa tsy ianao**

Amin'ny hoe: "fanantenana" Paoly dia milaza ny fahatokiana ananany fa Andriamanitra dia hanome valisoa azy noho ny asany. Ireo Kristiana Tesaloniana no anton'ny fanantenany.

**Na fifaliana**

Ireo Tesaloniana no anton'ny fifaliany.

**Satro-boninahitry ny fandresena**

Eto ny hoe "satro-boninahitra" dia manondro ny satro-boninahitra atolotra ny atleta mpandresy. Ny hoe "satro-boninahitry ny fandresena" dia hoe valisoa noho ny fandresena, na fanaovana tsara.

**Moa tsy ianareo toy ireo sasany hafa koa ve?**

Izany fanontaniana izany dia afaka hadika toy ny fanambarana. DH: "ianao sy ireo mpino hafa izany."



## Chapter 3

<sup>1</sup> Noho izany, rehefa tsy afaka niaritra izany intsony izahay, dia noeritreretinay fa tsara ny mitoetra irery tao Atena. <sup>2</sup> Nandefa an'i Timoty izahay, rahalahinay sy mpiara-miasa ho an'Andriamanitra ao amin'ny filazantsaran'i Kristy, mba hanamafy sy hankahery momban'ny finoanareo. <sup>[1]</sup><sup>3</sup> Nataonay izany mba tsy hisy olona ho taitra noho ireo fahoriana ireo. Fa ny tenanareo dia mahafantatra fa izany no nanendrena antsika. <sup>4</sup> Marina tokoa, rehefa niaraka taminareo izahay, dia nilaza mialoha taminareo fa isika dia tsy maintsy hampahoriana, ary nitranga izany, araka ny fantatrareo. <sup>5</sup> Noho izany antony izany, rehefa tsy naharitra izany intsony aho, dia naniraka mba ahafantarako ny finoanareo. Angamba ny mpaka fanahy dia efa naka fanahy anareo, ary ho zava-poana ny asantsika. <sup>6</sup> Fa tonga taty aminay avy tany aminareo i Timoty ary nitondra ny vaovao mahafalin'ny finoana sy fitiavanareo ho anay. Nilaza taminay izy fa ianareo dia manana fahatsiarovana tsara anay foana, ary ianareo dia maniry mafy ny ahita anay tahaka ny fanirianay ahita anareo. <sup>7</sup> Noho izany, ry rahalahy, izahay dia namaherezinareo nohon'ny finoanareo, tao anatin'ny fitaintainana sy fahorianay rehetra. <sup>8</sup> Fa ankehitriny velona izahay, raha mifikitra mafy amin'ny Tompo ianareo. <sup>9</sup> Fa fisaorana toy ny ahoana no azonay omena an'Andriamanitra ny aminareo, tamin'ny fifaliana rehetra izay anananay teo anatrehan'ny Andriamanitray noho ny aminareo? <sup>10</sup> Mivavaka mafy andro aman'alina izahay mba mety ahita ny endrikareo sy amatsy izay tsy ampy ao amin'ny finoanareo. <sup>11</sup> Andriamanitra Raintsika tenany, ary Jesosy Tompontosika anie, hanitsy ny lalanay ho aminareo. <sup>12</sup> Ny Tompo anie hampitombo sy hampandroso amin'ny fifankatiavanareo amin'ny hafa sy ny olon-drehetra, tahaka ny ataonay aminareo koa. <sup>13</sup> Izy anie hanamafy ny fonareo, ka mba tsy hanan-tsiny amin'ny fahamasinana izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika, amin'ny fihavian'i Jesosy Tompontosika mbamin'ireo masiny rehetra.

### Footnotes

3:2 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany hafa taloha dia mivaky hoe: "Nandefa an'i Timoty izahay, rahalahinay ary mpanompon'Andriamanitra aoamin'ny filazantsaran'i Kristy."

### 1 Thessalonians 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia nilaza tamin'ireo mpino fa nandefa an'i Timoty izy mba hanamafy ny finoan'izy ireo.

#### Tsy afaka niaritra izany intsony izahay

"Tsy afaka miaritra ny fitaintainana ny aminao intsony izahay.

#### Tsara ny mitoetra irery tao Atena.

"Tsara ho ahy sy Silasy ny mitoetra irery tao Atena."

#### Tsara

"Mendrika" na "mety."

#### Atena

Izany dia tanàna ao amin'ny faritanin'i Akaia, izay an'i Gresy ankehitriny.

#### Rahalahinay sy mpiara-miasa

Ireo teny roa ireo dia samy mamaritra an'i Timoty.

#### Mba tsy hisy olona ho taitra

Ny hoe "Taitra" dia fomba fiteny hilazana ny fatahorana. DH: "tsy hisy olona hatahotra ny hatoky an'i Kristy."

#### No nanendrena antsika

Paoly dia nihevitra fa ny rehetra dia nahafantatra fa Andriamanitra no nanendry azy ireo.

### 1 Thessalonians 3:4

#### Marina tokoa

"Azo antoka" na "azo antoka tokoa."

#### Hampahoriana

"Hampijalian'ny hafa."

#### Tsy naharitra izany intsony aho

Paoly dia namaritra ny fihetseham-pony tamin'ny fampiasana oha-pitenenana. DH: "tsy afaka niandry tamim-paharetana intsony aho."

#### Dia naniraka

Midika izany fa i Paoly dia naniraka an'i Timoty. Izany dia afaka atao mazava. DH: "izaho dia naniraka an'i Timoty."

#### Ny asantsika

"Ny asa mafinay teo aminareo" na "ny fampianaranay teo aminareo."

**Zava-poana**

"Tsy misy ilàna azy."

**1 Thessalonians 3:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nilaza ireo mpamakiny mahakasika ny tatitr'i Timoty taorian'ny nitsidihany azy ireo.

**Tonga taty aminay**

Ny teny hoe "aminay" dia manondro an'i Paoly sy Silasy.

**Ny vaovao mahafalin'ny finoanareo**

Fantatra fa izany dia manondro ny finoana an'i Kristy. Izany dia afaka hazavaina. "tatitra tsara ny amin'ny finoanareo."

**Ianareo dia manana fahatsiarovana tsara foana**

Rehefa mieritreritra an'i Paoly izy ireo, dia manana eritreritra tsara foana momba azy.

**Ianareo dia maniry mafy ny ahita anay**

"Maniry ny ahita anay ianareo."

**Rahalahy**

Eto ny "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

**Nohon'ny finoanareo**

Izany dia manondro an'i Kristy. Afaka hazavaina izany. DH: "noho ny finoanareo an'i Kristy."

**Tao anatin'ny fitaintainana sy fahorianay rehetra**

Ny teny hoe "fahoriana" dia manazava ny anton'ny "fitaintainan'izy ireo". DH: "tao anatin'ny fitaintainanay rehetra vokatry ny fahorianay."

**1 Thessalonians 3:8****Velona izahay**

Izany dia fomba fiteny iray entina anehoana ny fiainana mahafa-po. DH: "tena mampahery anay."

**Raha mifikitra mafy amin'ny Tompo ianareo.**

"Raha mifikitra" dia fomba fiteny izay midika fa manohy mahatoky. DH: "raha mbola mitoky amin'ny Tompo ianareo."

**Fa fisaorana toy ny ahoana no azonay omena an'Andriamanitra ny aminareo, tamin'ny fifaliana rehetra izay anananay teo anatrehan'ny Andriamanitray noho ny aminareo?**

Izany fanontaniana izany dia azo lazaina ho fanambarana. DH: "Tsy afaka ny tsy hisaotra an'Andriamanitra izahay noho ny zavatra nataony ho anao! Faly tokoa izahay rehefa mivavaka amin'ny Andriamanitray!"

**Teo anatrehan'ny Andriamanitray**

Paoly dia milaza fa izy sy ireo namany dia toy ny hoe teo anatrehan'Andriamanitra mivantana. Angamba rehefa mivavaka no tiany lazaina amin'izany.

**Andro aman'alina**

Eto dia ampiasaina ny fanitarana hanehoana hoe impiry i Paoly no mivavaka. DH: "Matetika."

**Mafy**

"Tena mafy."

**Ahita ny endrikareo**

Ny teny hoe "endrika" dia manondro ny olona iray manontolo. DH: "mitsidika anareo."

**1 Thessalonians 3:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'io andininy io, ny teny hoe: "antsika" dia tsy voatery hanondro ny vondron'olona mitovy foana.

**Andriamanitsika ... Jesosy Tompontosika anie**

Paoly dia mampiditra ireo mpino Tesaloniana miaraka amin'ireo mpiara-manompo aminy.

**Andriamanitsika anie**

"Mivavaka amin'ny Andriamanitray izahay mba."

**Hanitsy ny lalanay ho aminareo**

Paoly dia miresaka toy ny hoe tiany Andriamanitra hampiseho aminy sy ireo namany ny lalana handehanany hitsidika ireo Kristiana Tesaloniana. Ny tiany lazaina dia hoe tiany raha mba afaka manao izay ahavitan'izy ireo izany Andriamanitra.

**Hanitsy ny lalanay ho aminareo**

Ny teny hoe: "anay" dia manondro an'i Paoly, Silasy, ary Timoty fa tsy ireo mpino Tesaloniana.

**Ny ray tenany**

Eto ny teny hoe: "tenany" dia manondro ny "Ray" ho fanamafisana.

**Hampitombo sy hampandroso amin'ny fifankatiavana**

Paoly dia miresaka ny fitiavana toy ny hoe zavatra iray izay azon'ny iray bebe kokoa.

**Hanamafy ny fonareo**

Paoly dia manondro ny "fo" toy ny hoe ivon'ny finoana sy ny faharesen-dahatra.

**Amin'ny fihavian'i Jesosy Tompontosika**

"Rehefa miverina eto an-tany i Jesosy."

**Mbamin'ireo masiny rehetra**

"Miaraka amin'ireo rehetra izay azy."



## Chapter 4

<sup>1</sup> Ary farany, ry rahalahy, mampahery sy mananatra anareo izahay ao amin'ny Tompo Jesosy. Raha nahazo ireo fampianarana avy aminay ianareo momban'ny fomba tsy maintsy handehananareo sy hamalifalinareo an'Andriamanitra, ny amin'io lalana andehana io ihany koa, dia mba anaovanareo mihoatra izany. <sup>2</sup> Fa ianareo dia mahafantatra ireo fampianarana izay nomenay anareo tamin'ny alalan'i Jesosy Tompo. <sup>3</sup> Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, mba hialanareo amin'ny fijangajangana, <sup>4</sup> izay ahafantaran'ny tsirairay avy aminareo ny fomba ahazoana ny fanaky ny tenany ao amin'ny fahamasinana sy voninahitra, <sup>5</sup> tsy amin'ny filan-dratsy (tahaka ireo Jentilisa izay tsy mahafantatra an'Andriamanitra). <sup>6</sup> Aoka tsy hisy olona handika na hanaratsy ny rahalahiny amin'izany. Fa ny Tompo no mamaly amin'ireny zava-drehetra ireny, tahaka ny nampitandremanay mialoha sy nijoronay vavolombelona taminareo. <sup>7</sup> Fa Andriamanitra tsy niantso anay ho amin'ny fahalotoana, fa amin'ny fahamasinana. <sup>8</sup> Noho izany, izy izay mandà izany dia tsy mandà olona, fa Andriamanitra, izay nanome ny Fanahiny Masina ho anareo. <sup>9</sup> Momban'ny fifankatiavan'ny mpirahalalahy, tsy mila olona hafa ianareo hanoratra ho anareo, fa ianareo tenanareo dia nampianarin'Andriamanitra mba hifankatia. <sup>10</sup> Ataonareo tokoa izany, ho an'ireo rahalahy rehetra izay eran'i Makedonia. Fa izahay dia mananatra anareo, ry rahalahy, mba hanao mihoatra. <sup>11</sup> Mananatra anareo ihany koa izahay mba hanandrana hiaina ampilaminana, hisaina ny raharahanareo manokana, ary hiasa amin'ny tananareo, araka ny nandidianay anareo, <sup>12</sup> mba hanananareo fitondran-tena mendrika eo anatrehan'ireo tsy mino ary tsy hanan-javamahory. <sup>13</sup> Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny momba ireo izay nodimandry, mba tsy halahelovanareo tahaka ireo ambiny izay tsy manana antoka ny amin'ny ho avy. <sup>14</sup> Fa raha mino isika fa Jesosy dia maty ary nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra miaraka amin'i Jesosy ireo izay efa nodimandry tao aminy. <sup>15</sup> Fa izao no lazainay aminareo tamin'ny tenin'ny Tompo, fa isika izay velona, izay sisa tavela amin'ny fahatongavan'ny Tompo, dia tsy hialoha tokoa ireo izay nodimandry. <sup>16</sup> Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra. Ho avy miaraka amin'ny feo avo Izy, miaraka amin'ny feon'ny Arkanjely, ary miaraka amin'ny trompetran'Andriamanitra, ary ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana voalohany. <sup>17</sup> Avy eo isika izay velona, izay sisa tavela, hiaraka hiakatra amin'izy ireo eny amin'ny rahona ka hihaona amin'ny Tompo eny amin'ny habakabaka. Amin'izany dia hiaraka amin'ny Tompo mandrakariva isika. <sup>18</sup> Noho izany, mifankahereza amin'ireo teny ireo.

### 1 Thessalonians 4:1

#### Rahalahy

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe namana Kristiana.

#### Mampahery sy mananatra anareo izahay

Paoly dia nampiasa ny hoe: "mampahery" sy "mananatra" mba hanamafisana fa mankahery mafy ireo mpino izy ireo. DH: "mankahery mafy anao izahay."

#### Nahazo ireo fampianarana avy aminay ianareo

Izany dia afaka atao tso-drafitra. DH: "nampianatra anareo izahay."

#### Tsy maintsy handehananareo

Eto ny hoe: "mandeha" dia fomba fiteny ilazana ny fomba tokony hiainana. DH: "tokony iainanao."

#### Tamin'ny alalan'i Jesosy Tompo

Paoly dia miresaka ny fampianarany toy ny hoe nomen'i Jesosy tenany izy ireny.

### 1 Thessalonians 4:3

#### Hialanareo amin'ny fijangajangana

"Miala amin'ny ratsy fanaon'ny nofo ianareo."

#### Mahafantatra ny fomba ahazoana

Mety ho dikany dia izao: 1) ahoana ny fomba fiaina miaraka amin'ny vadinao na 2) ahoana ny fomba fiaina ny fiainana misy fitsipika na 3) ahoana ny fomba fiaina miaraka amin'ny zanakao vavy virjiny.

#### Amin'ny filan-dratsy

"Amin'ny fanirian-dratsin'ny nofo."

#### Tsy hisy olona

Eto ny hoe: "olona" dia manondro ny lehilahy na vehivavy.

#### Handika na hanaratsy

Izany dia milaza hevitra mitovy amin'ny fomba roa mba hanamafisana ny hevitra. DH: "ratsy."

#### Ny Tompo no mamaly

Izany dia afaka hazavaina. DH: "ny Tompo no hanasazy ny olona izay nandika lalàna ary hiaro ny olona izay naratsiana."

**Nampitandremanay mialoha sy nijoronay vavolombelona**  
 "Nilaza taminareo mialoha ary nampitandrina mafy ny amin'ny."

### 1 Thessalonians 4:7

**Andriamanitra tsy niantso anay ho amin'ny fahalotoana, fa amin'ny fahamasinana**  
 Izany dia afaka atao amin'ny fomba tsara. DH:  
 "Andriamanitra dia niantso anay ho amin'ny fahadiovana sy fahamasinana."

**Andriamanitra dia tsy niantso anay**  
 Ny teny hoe: "anay" dia manondro ireo mpino rehetra.

**Izy izay mandà izany**  
 "Na iza na iza tsy miraharaha ny fampianarana" na  
 "na iza na iza manao tsinontsinona izany fampianarana izany."

**Dia tsy mandà olona, fa Andriamanitra**  
 Paoly dia nanamafy fa izany fampianarana izany dia tsy avy amin'ny olona, fa avy amin'Andriamanitra.

### 1 Thessalonians 4:9

**Fifankatiavan'ny mpirahalany**  
 "Fitiavana ireo mpino namana."

**Ataonareo tokoa izany, ho an'ireo rahalahy rehetra izay eran'i Makedonia**  
 "Maneho fitiavana amin'ireo mpino eran'i Makedonia ianareo.

**Rahalahy**  
 Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

**Hanandrana**  
 "Miezaka ny."

**Hiaina am-pilaminana**  
 Paoly dia nampiasa ny teny hoe: "am-pilaminana" ho fanoharana entina hamaritana ny fiainana ampiadanana anaty fiaraha-monina ary tsy miteraka fifandirana. DH: "miaina am-pahatoniana sy milamina."

**Hisaina ny raharahanareo manokana**  
 Izany fomba fiteny izany dia midika hoe mifantoka amin'ny raharahanao manokana, fa tsy ny an'ny hafa. DH: "mamaly ny filànao manokana."

**Hiasa amin'ny tananareo**  
 Izany dia fanoharana ny amin'ny hoe miaina fiainana mahafa-po. DH: "miasa amin'ny asanao manokana mba hahazoana izay ilainao amin'ny fiainana."

**Fitondran-tena mendrika**  
 Izany fanoharana izany dia mamaritra ny fomba tokony hitondran'ny mpino amin'ny olona ao

amin'ny fiaraha-moniny. DH: "maneho fitondran-tena feno fanajana sy mendrika."

**Ireo izay ivelan'ny finoana**  
 "Ireo izay tsy mpino an'i Kristy." Paoly dia miresaka ny "finoana" toy ny hoe toerana iray. Eto ny "finoana" dia manondro ireo izay matoky an'i Kristy.

### 1 Thessalonians 4:13

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
 Paoly dia miresaka ireo mpino izay efa maty, izay mbola velona, ary ireo izay ho velona rehefa miverina i Kristy.

**Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo**  
 Izany dia afaka atao amin'ny fomba tsara. DH:  
 "Tianay ho fantatrareo."

**Rahalahy**  
 Eto ny "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

**Ireo izay nodimandry**  
 Izany dia hilazana ireo izay maty.

**Mba tsy halahelovanareo**  
 "Mba tsy hitomanianareo."

**Tahaka ireo ambiny izay tsy manana antoka ny amin'ny ho avy**  
 "Toy ireo olona izay tsy mino."

**Raha mino isika**  
 Eto ny hoe: "isika" dia manondro an'i Paoly ary ireo mpihaino azy.

**Nitsangana indray**  
 "Nitsangana mba hiaina indray."

**Ireo izay efa nodimandry tao aminy**  
 Eto ny hoe: "efa nodimandry" dia fomba hentitra hitenenana ny hoe maty.

**Amin'ny fahatongavan'ny Tompo**  
 "Amin'ny fihavian'ny Tompo."

**Dia tsy hialoha tokoa**  
 "Tsy ho eo aloha mihintsy."

### 1 Thessalonians 4:16

**Ny tenan'ny Tompo no hidina**  
 "Ny Tompo mihitsy no hidina."

**Ny Arkanjely**  
 "Ilay anjely lehibe indrindra."

**Ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana voalohany**  
 Ny "maty ao amin'i Kristy" dia ireo mpino nodimandry. DH: "ireo izay mino an'i Jesosy Kristy, fa ireo izay efa maty, no hitsangana voalohany."

**Isika izay velona**

Eto ny hoe: "isika" dia manondro ireo mpino rehetra izay maty.

**Miaraka amin'izy ireo**

Ny teny hoe: "izy ireo" dia manondro ireo mpino maty izay novelomina indray.

**Hiakatra eny amin'ny rahona ka hihaona amin'ny Tompo eny amin'ny habakabaka**

"Mihaona amin'ny Tompo eny amin'ny lanitra."

---

## Chapter 5

<sup>1</sup> Ankehitriny mikasika ireo fotoana sy ireo vanim-potoana, ry rahalahy, tsy mila na inona na inona voasoratra ho anareo ianareo. <sup>2</sup> Fa ianareo tenanareo mahafantatra tsara fa ny andron'ny Tompo dia ho avy tahaka ny mpangalatra amin'ny alina. <sup>3</sup> Rehefa miteny izy ireo, "Miadana sy milamina," dia fahapotehana tampoka no ho avy amin'izy ireo. Ho tahaka ny fahararian'ny vehivavy bevohoka rehefa miteraka izany. Tsy ho afa-mandositra mihitsy izy ireo. <sup>4</sup> Fa ianareo, ry rahalahy, dia tsy ao anatin'ny haizina ka hahatratra anareo tampoka tahaka ny mpangalatra ny andro. <sup>5</sup> Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro. Tsy zanaky ny alina isika na ny haizina. <sup>6</sup> Noho izany, ndeha isika tsy hatory tahaka ny fataon'ny ambiny. Fa kosa, aoka isika hiambina sy hahonon-tena. <sup>7</sup> Fa ireo izay matory dia manao izany amin'ny alina, ary ireo izay mamono dia manao izany ihany koa amin'ny alina. <sup>8</sup> Fa raha mbola an'ny andro isika, dia tsy maintsy mahonon-tena isika ary mitafy finoana sy fitiavana ho fiarovantatra, ary ny antoky ny famonjena amin'ny ho avy ho fiarovandohantsika. <sup>9</sup> Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin'ny fahatezerana, fa hahazoana ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. <sup>10</sup> Izy ilay maty ho antsika, na mifoha isika na matory, dia afaka miara-miaina aminy. <sup>11</sup> Ka noho izany mifampionona ary mifampahereza ianareo, tahaka ny efa nataonareo. <sup>12</sup> Mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, mba hanekenareo izay mikely aina aminareo sy mitondra anareo amin'ny Tompo ary izay mananatra anareo. <sup>13</sup> Mangataka anareo ihany koa izahay mba hanaja azy ireo am-pitiavana noho ny asan'izy ireo. Mihavàna amin'ny tenanareo. <sup>14</sup> Mananatra anareo izahay, ry rahalahy: mampitandrema ny fikorontanana, hampaherezo ireo kivy, ampio ireo malemy, mahareta amin'ny rehetra. <sup>15</sup> Indro tsy misy olona mamaly ratsy ny ratsy na amin'iza na iza. Fa kosa, mitadiava izay tsara ho an'ny tsirairay sy ho an'ny rehetra. <sup>16</sup> Mifalia mandrakariva. <sup>17</sup> Aza mitsahatra mivavaka. <sup>18</sup> Misaora amin'ny zavatra rehetra. Fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo. <sup>19</sup> Aza mamono ny Fanahy. <sup>20</sup> Aza manao tsinontsinona ireo faminaniana. <sup>21</sup> Andramo ny zava-drehetra. Mifikira amin'izay tsara. <sup>22</sup> Esory ireo fisehoan'ny ratsy rehetra. <sup>23</sup> Andriamanitra ny fiadanana anie hampamasina anao tanteraka. Aoka ny fanahinareo manontolo, ny aina, ary ny vatana dia hotehirizina tsy hanan-tsiny ho amin'ny fahatongavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. <sup>24</sup> Mahatoky izy ilay miantso anao, ilay iray izay hanao izany ihany koa. <sup>25</sup> Ry rahalahy, mivavaha ihany koa ho anay. <sup>26</sup> Arahabao amin'ny fanorohana masina ny rahalahy rehetra. <sup>27</sup> Mangataka aminareo amin'ny Tompo aho mba ho vakiana amin'ny rahalahy rehetra ity taratasy ity. <sup>28</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

### 1 Thessalonians 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia nanohy niresaka momba ny andro hiavian'i Jesosy.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Amin'ity toka ity ny teny hoe: "isika" sy "antsika" dia manondro an'i Paoly, Silasy, Timoty, raha tsy hoe misy fanamarihana. Ny teny hoe: "ianareo" ihany koa dia milaza maro ary manondro ireo mpino ao amin'ny fiangonan'ny Tesalonika.

#### Ireo fotoana sy ireo vanim-potoana

Izany dia manondro ireo zava-nitranga talohan'ny fiverenan'i Jesosy Tompo.

#### Rahalahy

Eto ny "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

#### Mahafantatra tsara

"Tena tsara" na "marina tsara."

#### Tahaka ny mpangalatra amin'ny alina

Tahaka ny tsy ahafantarana hoe rahoviana ny alina ahatongavan'ny mpangalatra, isika ihany koa dia tsy mahalala ny andro hiavian'ny Tompo. DH: "tsy ampoizina."

#### Rehefa miteny izy ireo

"Rehefa miteny ny olona."

#### Fahapotehana tampoka

"Fahapotehana tsy nampoizina."

#### Tahaka ny fahararian'ny vehivavy bevohoka rehefa miteraka

Tahaka ny fahararian'ny vehivavy bevohoka tampoka rehefa hiteraka ary tsy mijanona raha tsy teraka, ny fahatongavan'ny fandranganana, ary tsy ho afa-mandositra ny olona.

### 1 Thessalonians 5:4

#### Ianareo, ry rahalahy

Eto ny "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

**Dia tsy ao anatin'ny haizina**

Paoly dia miresaka momba ny ratsy sy ny tsy fahalalana ny momba an'Andriamanitra toy ny hoe haizina izy ireny. DH: "ianao dia tsy mahafantatra, toy ny olona izay mipetraka ao anaty haizina."

**Ka hahatratra anareo tampoka tahaka ny mpangalatra ny andro**

Ny andro izay hiavian'ny Tompo dia tsy tokony hahagaga ireo mpino.

**Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro**

Paoly dia miresaka ny fahamarinana toy ny hoe hazavana sy andro. DH: "Fa ianareo mahalala ny marina, toy ny olona izay miaina anaty hazavana, tahaka ny olona mandritry ny andro."

**Tsy zanaky ny alina isika na ny haizina**

Paoly dia miresaka momba ny ratsy sy ny tsy fahalalana ny momba an'Andriamanitra toy ny hoe haizina izy ireny. DH: "isika dia tsy mahafantatra, toy ny olona izay mipetraka ao anaty haizina, toy ny olona amin'ny alina"

**Ndeha isika tsy hatory tahaka ny fataon'ny ambiny**

Paoly dia miresaka momba ny tsy fahatokiana ara-panahy toy ny hoe torimasosy izany. DH: "aoka isika tsy ho toy ireo hafa izay tsy mahafantatra mahasika ny fiverenan'i Jesosy."

**Aoka isika**

Ny teny hoe: "isika" dia manondro ireo mpino rehetra.

**Hiambina sy hahonon-tena**

Paoly dia mamaritra ny fisainana ara-panahy toy ny mifanohitra amin'ny torimasosy sy fahamamoana.

**Fa ireo izay matory dia manao izany amin'ny alina**

Toy ny olona matory izay tsy mahafantatra izay mitranga, ny olona eto amin'ity tontolo ity dia tsy mahalala fa hiverina i Kristy.

**Ireo izay mamo dia manao izany amin'ny alina**

Paoly dia milaza fa amin'ny alina no mamo ny olona, noho izany rehefa tsy mahafantatra ny fiverenan'i Kristy ny olona dia tsy miaina fiainana misy fahafehezan-tena.

**1 Thessalonians 5:8****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny andininy 8-10 ny teny hoe: "isika" dia manondro ireo mpino rehetra.

**An'ny andro isika**

Paoly dia miresaka momba ny fahafantarana ny fahamarinana mahakasika an'Andriamanitra toy ny an'ny andro. DH: "fantatsika ny marina" na "nandray ny fahazavan'ny fahamarinana isika."

**Tsy maintsy mahonon-tena isika**

Paoly dia mampitaha ny fahononon-tena ho toy ny fizarana amin'ny fifehezan-tena. "Aoka isika hizatra hamehy tena."

**Mitafy finoana sy fitiavana ho fiarovan-tratra**

Toy ny miaramila izay manao fiarovan-tratra mba hiarovana ny vatany, ny mpino iray izay miaina amin'ny finoana sy fitiavana dia ahita fiarovana. DH: "arovy amin'ny finoana sy fitiavana ny tenantsika" na "arovy ny tenantsika amin'ny finoana an'i Kristy sy fitiavana azy."

**Antoky ny famonjena amin'ny ho avy ho fiarovan-dohantsika**

Toy ny fiarovan-doha izay miaro ny lohan'ny miaramila, ny fanantenana ny famonjena dia hiaro ny mpino. DH: "arovy ny tenantsika amin'ny fahazoana antoka fa i Kristy dia hamonjy antsika."

**Na mifoha isika na matory**

Izany dia fomba tsara hitenenana fa velona na maty. DH: "na velona isika na maty."

**Mifampahereza ianareo**

"Mifampahatanjaha."

**1 Thessalonians 5:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia nanomboka nanome ny torolalany farany ho an'ny fiangonana any Tesalonika.

**Rahalahy**

Eto ny "rahalahy" dia midika hoe ireo mpino namana.

**Mba hanekenareo izay mikely aina**

"Mijery sy mankasitraka ireo izay mandray anjara amin'ny fitarihana."

**Mitondra anareo amin'ny Tompo**

Izany dia manondro ny olona izay notendren'Andriamanitra mba ho mpitarika ny vondron'ny mpino eo an-toerana.

**Hanaja azy ireo am-pitiavana noho ny asan'izy ireo**

Paoly dia mampirisika ireo mpino mba hitia sy hankasitraka ny mpitarika ao amin'ny fiangonan'izy ireo.

**1 Thessalonians 5:15****Mifalia mandrakariva. Aza mitsahatra mivavaka.****Misaora amin'ny zavatra rehetra.**

Paoly dia mampirisika ireo mpino mba hitazona toe-tsaina ara-panahy ny amin'ny fifaliana amin'ny zavatra rehetra, manana fahamendrehana amin'ny vavaka, ary maneho fisaorana amin'ny zavatra rehetra.

**Amin'ny zavatra rehetra**

Amin'ny toe-javatra rehetra.



**Fa izany no sitrapon'Andriamanitra**

Paoly dia manondro ny fitondran-tena izay vao nolazainy ho toy ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ireo mpino.

**1 Thessalonians 5:19**

**Aza mamono ny fanahy**

"Aza manakana ny Fanahy Masina tsy hiasa eo anivonareo."

**Aza manao tsinontsinona ireo faminaniana**

"Aza atao tsinontsinona ireo faminaniana" na "aza mankahala izay lazain'ny Fanahy Masina amin'ny olona."

**Andramo ny zava-drehetra**

"Ataovy azo antoka fa ny hafatra rehetra izay toa avy amin'Andriamanitra dia tena avy aminy marina."

**Mifikira amin'izay tsara**

Paoly dia miresaka momba ireo hafatra avy amin'ny Fanahy Masina toy ny hoe zavatra izay azon'ny olona alaina eo an-tanany.

**1 Thessalonians 5:23**

**Hampamasina anao tanteraka**

Izany dia manondro an'Andriamanitra izay mahatonga ny olona tsy hanota sy ho tonga lafatra eo imasony.

**Ny fanahinareo manontolo, ny aina, ary ny vatana**

Izany dia fitoviana izay ahitana ny teny hoe: "fanahy," "aina," ary "vatana" izay manana dikany mitovy ary ampiasaina ho fanamafisana.

**Hotehirizina tsy hanan-tsiny ho amin'ny**

"Tsy avela hanota hatramin'ny."

**Mahatoky izy ilay miantso anao**

"Mahatoky izay miantso anao."

**Ilay iray izay hanao izany ihany koa**

"Izy dia hanampy anao."

**1 Thessalonians 5:25**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia nanome ny fanambarany farany.

**Rahalahy**

Eto ny "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana.

**Mangataka aminareo amin'ny Tompo aho**

"Manontany anareo aho, toy ny hoe miteny aminareo ny Tompo."

**Mba hovakiana ity taratasy ity**

DH: "mba ho vakianareo rehetra ity taratasy ity."

## Book: 2 Thessalonians

### 2 Thessalonians

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, sy Silasy, ary Timoty, ho any amin'ny fiangonan'ireo Tesaloniana ao amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>2</sup> Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>3</sup> Izahay dia tokony hanome fisaorana an'Andriamanitra ho anareo foana, ry rahalahy. Fa izany no tsara atao, satria tena mitombo fatratra ny finoanareo, ary ny fitiavanareo tsirairay dia mitombo ho an'ny hafa. <sup>4</sup> Noho izany dia izahay tenanay dia miteny am-pireharehana momba anareo eo amin'ireo fiangonan'Andriamanitra. Izahay dia miresaka ny momban'ny faharetanareo ary ny finoanareo tamin'ny izay rehetra nanenjehana anareo. Miresaka momban'ireo fahoriana izay niaretanareo. <sup>5</sup> Izany dia famantarana ny fitsarana marin'Andriamanitra. Ny vokany dia horaisina ho mendrika ny fanjakan'Andriamanitra izay nijalianareo ianareo. <sup>6</sup> Marina amin'Andriamanitra ny hamaly fahoriana ireo izay nampahory anareo, <sup>7</sup> ary hanome fitsaharana ho anareo izay nampahoriana niaraka taminay. Ho ataony izany amin'ny fisehoan'i Jesosy Tompo avy any an-danitra miaraka amin'ireo anjelin'ny heriny. <sup>8</sup> Ao amin'ny afo miredareda no hanaovany ny valifaty amin'ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy amin'ireo izay tsy mamaly ny filazantsaran'i Jesosy Tompontosika. <sup>9</sup> Izy ireo dia hijaly amin'ny famaizan'ny fandranganana mandrakizay lavitry ny fanatrehan'ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny. <sup>10</sup> Hanao izany izy rehefa tonga amin'izany andro izany mba hanomezan'ny olony voninahitra azy sy higagan'ireo rehetra izay nino. Fa ny fijoroanay vavolombelona aminareo dia ninoana. <sup>11</sup> Noho izany dia mivavaka mandrakariva ho anareo ihany koa izahay. Mivavaka izahay mba ho mendrika ny ho raisin'ny Andriamanitsika amin'ny fiantsoana ianareo. Mivavaka izahay mba ho tanterahiny amin'ny hery ny fanirianareo ny fahatsarana sy ny asan'ny finoana rehetra. <sup>12</sup> Mivavaka ho an'ireo zavatra ireo izahay mba omenareo voninahitra ny anaran'i Jesosy Tompontosika. Mivavaka izahay mba hanomezany voninahitra anareo, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo.

#### 2 Thessalonians 1:1

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly no mpanoratra ity taratasy ity, fa nefa izy dia mampiditra an'i Silasy sy i Timoty ho mpandefa ny taratasy. Izy dia nanomboka tamin'ny fiarahabana ny fiangonana tany Tesalonika.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe: "isika" sy "antsika" dia manondro an'i Paoly, Silasy ary Timoty, raha tsy hoe misy fanamarahina. Ary ihany koa, ny teny hoe: "ianareo" dia milaza zavatra maro ary manondro ireo mpino ao amin'ny fiangonan'ny Tesalonika.

##### Silasy

Izany dia avy amin'ny teny latina hoe "Silas." Izy ihany no olona voatanisa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly toy ny mpiara-dia amin'i Paoly.

**Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo**  
Paoly dia matetika mampiasa io fiarahabana io amin'ny taratasy.

#### 2 Thessalonians 1:3

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia nanome fisaorana ireo mpino tany Tesalonika.

##### Tokony hisaotra mandrakariva an'Andriamanitra

Paoly dia miresaka fa izy dia tokony hisaotra matetika an'Andriamanitra. DH: "tokony hanome fisaorana matetika an'Andriamanitra."

##### Rahalahy

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe mpiray finoana, anisan'izany ny lehibaly sy vehivavy. DH: "Rahalahy sy anabavy."

##### Fa izany no tsara atao

"Fa izany no zavatra marina tokony atao" na "fa tsara izany."

**Ny fitiavanareo tsirairay dia mitombo ho an'ny hafa**  
"Ianareo dia mifankatia amin-kitsimpo."

##### Ny hafa

Eto ny hoe: "ny hafa" dia midika hoe ireo Kristiana.

**Izahay tenanay**

Eto ny hoe: "tenanay" dia ampiasaina mba hanamafisana ny fireharehan'i Paoly.

**Ho mendrika ny fanjakan'Andriamanitra ianareo**

DH: "Andriamanitra dia hihevitra fa mendrika ho anisan'ny fanjakany ianao."

**2 Thessalonians 1:6**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Raha mbola manohy i Paoly, dia miresaka momba an'Andriamanitra marina izy.

**Marina amin'Andriamanitra**

"Andriamanitra dia marina" na "marina Andriamanitra."

**Fitsaharana ho anareo**

Afaka hazavainao fa Andriamanitra ilay iray izay afaka manome fitsaharana. DH: "ary Andriamanitra hanome fitsaharana ho anareo."

**Ireo anjelin'ny heriny**

"Anjely maherin'Andriamanitra."

**Ao amin'ny afo miredareda no hanaovany ny valifaty amin'ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy amin'ireo izay**

"Izy dia hanasazy amin'ny afo mandoro ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy ireo izay" na "ary amin'ny afo mandoro no hanasaziany ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy ireo izay."

**2 Thessalonians 1:9**

**Izy ireo dia hijaly**

Eto ny hoe: "izy ireo" dia manondro ireo olona izay tsy mankatona ny filazantsara.

**Rehefa tonga amin'izany andro izany izy**

Eto ny hoe: "izany andro izany" dia ny andro izay hiverenan'i Jesosy eto amin'izao tontolo izao.

**Mba hanomezan'ny olony voninahitra**

DH: "ny olony dia hanome voninahitra azy."

**Higagan'ireo rehetra izay nino**

DH: "ireo rehetra izay mino dia hatahotra azy."

**2 Thessalonians 1:11**

**Mivavaka mandrakariva ho anareo ihany koa izahay**

Paoly dia manamafy ny faharetan'ny fivavahany ho azy ireo. DH: "Izahay ihany koa dia mivavaka tsy tapaka ho anareo."

**Fiantsoana**

Eto ny hoe: "fiantsoana" dia manondro an'Andriamanitra izay manondro na misafidy ny olona mba ho zanany, mpanompony, ary hitory ny hafatry ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy.

**Mahatanteraka ny faniriana tsara rehetra**

"Mahatonga anao hanao ny tsara amin'izay rehetra sitrakao."

**Mba omenareo voninahitra ny anaran'i Jesosy Tompontsika**

DH: "mba hanomezanao voninahitra ny anaran'i Jesosy Tompontsika."

**Hanomezany voninahitra anareo**

DH: "Jesosy dia hanome voninahitra anareo."

**Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitsika**

Nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra."

## Chapter 2

<sup>1</sup> Ankehitriny ny momban'ny fiavian'i Jesosy Kristy Tompontosika sy ny nanangonana antsika iaraka aminy: manontany anareo izahay, ry rahalahy, <sup>2</sup> mba tsy ho mora helingelenina na hihorohoro ianareo, na amin'ny fanahy, na amin'ny hafatra, na amin'ny taratasy izay toy ny hoe ho avy aminay, noho ny vokatry ny fahatongavan'izany andron'ny Tompo izany. <sup>3</sup> Aza avela hisy olona hamitaka anareo na amin'ny fomba ahoana. Fa tsy ho tonga izany raha tsy aorian'ny fahatongavan'ny fianjerana, ary ny lehilahy mpandika lalàna dia aseho, ny zanaky ny fahasimbana. <sup>[1]</sup><sup>4</sup> Izy ilay manohitra sy manandratra ny tenany amin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra na izay ivavahana. Vokatry'izany, dia nipetraka tao amin'ny Tempolin'Andriamanitra izy ary mampiseho ny tenany ho toy ny Andriamanitra. <sup>5</sup> Tsy tadidinareo ve fa fony izaho niaraka taminareo dia efa niteny ireo zavatra ireo? <sup>6</sup> Ankehitriny fantatrareo inona no mitana azy, mba hisehoany amin'ny fotoana mety irery ihany. <sup>7</sup> Fa ny zava-miafin'ny fandikan-dalàna dia efa miasa, misy olona iray ihany misakana azy ankehitriny mandra-panalana azy teo amin'ny lalana. <sup>8</sup> Avy eo ilay tena mpandika lalàna dia ho aseho, izay hovanoin'i Jesosy Tompo amin'ny fofonain'ny vavany. Ny Tompo dia hitondra azy amin'ny tsy misy dikany amin'ny alalan'ny fisehoan'ny fiaviany. <sup>9</sup> Ny fiavin'ilay tena mpandika lalàna dia noho ny asan'ny Satana miaraka amin'ny hery rehetra, ireo famantarana, ary ireo fahagagana tsy marina, <sup>10</sup> ary miaraka amin'ny fitaka rehetra ny amin'ny tsy fahamarinana. Ireo zavatra ireo dia ho an'ireo izay very, satria izy ireo dia tsy nandray ny fitiavan'ny fahamarinana mba ahavoavonjy azy ireo. <sup>11</sup> Noho izany antony izany dia mandefa asan'ny fahadisoana Andriamanitra mba hinoan'izy ireo lainga. <sup>12</sup> Vokatry'izany dia hotsaraina daholo izy rehetra, ireo izay tsy mino ny fahamarinana fa kosa maka fahafinaretana amin'ny tsy fahamarinana. <sup>13</sup> Fa izahay dia tokony manome fisaorana an'Andriamanitra foana ho anareo, ry rahalahy notiavin'ny Tompo. Fa Andriamanitra no nifidy anareo toy ireo voaloham-bokatra ho an'ny famonjena amin'ny fanamasinana ny Fanahy sy ny finoana ny fahamarinana. <sup>[2]</sup><sup>14</sup> Izany no niantsoany anareo tamin'ny alalan'ny filazantsaranay mba ahazoanareo ny voninahitr'i Jesosy Kristy Tompontosika. <sup>15</sup> Ka noho izany, ry rahalahy, mijoroa mafy. Tazomy ireo fahamarinana izay nampianarina anareo. Na tamin'ny teny na tamin'ny taratasinay. <sup>16</sup> Ankehitriny aoka i Jesosy Kristy Tompontosika tenany, ary Andriamanitra Raintsika izay tiantsika sy nanome antsika fankaherezana mandrakizay sy ny fahatokisana tsara ho an'ny ho avy amin'ny alalan'ny fahasoavana, <sup>17</sup> hankahery ary hametraka ny fonareo amin'ny asa tsara rehetra sy ny teny.

### Footnotes

2:3 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky hoe: "ary ny lehilahy mpanota dia aseho".

2:13 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: ny dikan-teny hafa dia mivaky toy izao: "Fa Andriamanitra dia nifidy anareo hatramin'ny voalohany ho an'ny famonjena.

## 2 Thessalonians 2:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia nananatra ireo mpino mba tsy ho voafitaka momba ny andro hiavian'i Jesosy.

### Ankehitriny

Ny teny hoe: "ankehitriny" dia manamarika fiovan'ny lohahevitra ao amin'ny toromarik'i Paoly.

### Rahalahy

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe namana Kristiana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy. DH: "Ireo rahalahy sy anabavy."

### Mba tsy ho mora helingelenina na hihorohoro ianareo

"Mba tsy ho avelanareo hampihorohoro anareo mora foana ireny zavatra ireny."

### Na amin'ny hafatra, na amin'ny taratasy izay toy ny hoe ho avy aminay

"Amin'ny alalan'ny teny avoaka na taratasy nosoratana izay toy ny hoe avy aminay."

### Noho ny vokatry ny

"Nilaza izany."

### Andron'ny Tompo

Izany dia manondro ny fotoana hiverenan'i Jesosy eto an-tany ho an'ny mpino rehetra.

## 2 Thessalonians 2:3

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia nampianatra mahakasika ny lehilahy mpandika lalàna.

**Fa tsy ho tonga izany**  
 "Tsy ho avy ny andron'ny Tompo."

**Ny fianjerana**  
 Izany dia manondro ny fotoana ho avy izay hialan'ny olona maro amin'Andriamanitra.

**Ary ny lehilahy mpandika lalàna dia aseho**  
 DH: "ary Andriamanitra dia hampiseho ny lehilahy mpandika lalàna."

**Zanaky ny fahasimbana**  
 Paoly dia miresaka ny fahasimbana toy ny olona izay niteraka zazalahy iray izay ny tanjony dia ny handrava tanteraka ny zava-drehetra. DH: "ilay mandrava ny zava-drehetra azony atao."

**Izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra na izay ivavahana**  
 DH: "izay rehetra heverin'ny olona ho Andriamanitra na izay rehetra ivavahan'ny olona."

**Mampiseho ny tenany ho toy ny Andriamanitra**  
 "Maneho ny tenany ho Andriamanitra."

## 2 Thessalonians 2:5

**Tsy tadidinareo ve ... ireo zavatra ireo?**  
 Paoly dia nampiasa fanontaniana mba entina hampahatsiahivana azy ireo ny fampianarany fony izy niaraka tamin'izy ireo taloha. Izany dia afaka atao hoe fanambarana. DH: "Azoko antoka fa tadidinareo ... ireo zavatra ireo."

**Ireo zavatra ireo**  
 Izany dia manondro ny fiverenan'i Jesosy, ny andron'ny Tompo, ary ny lehilahy mpandika lalàna.

**Hisehoany amin'ny fotoana mety irery ihany**  
 DH: "Andriamanitra dia hampiseho ny lehilahy mpandika lalàna rehefa tonga ny fotoana mety."

**Zava-miafin'ny fandikan-dalàna**  
 Izany dia manondro ny tsiambaratelo sarobidy izay Andriamanitra irery no mahalala.

**Misakana azy**  
 Ny fisakanana olona iray dia ny fitazomana azy ireo hiverina na mitazona azy ireo amin'ny fanaovana izay tiany atao.

## 2 Thessalonians 2:8

**Ilay tena mpandika lalàna dia ho aseho**  
 Izany dia afaka atao tso-drafitra. DH: "ary Andriamanitra dia hamela ilay tena mpandika lalàna haneho ny tenany.

**Amin'ny fofonain'ny vavany**  
 Eto ny hoe: "fofon'aina" dia maneho ny herin'Andriamanitra. DH: "amin'ny alalan'ny teny lazainy."

**Hitondra azy amin'ny tsy misy dikany amin'ny alalan'ny fisehoan'ny fiaviany**  
 Rehefa niverina eto an-tany i Jesosy ary nampiseho ny tenany, dia handresy ilay tena mpandika lalàna izy.

**Amin'ny hery rehetra, ireo famantarana, ary ireo fahagagana tsy marina**  
 "Amin'ny karazan-kery rehetra, famantarana, ary fahagagana sandoka."

**Ary miaraka amin'ny fitaka rehetra ny amin'ny tsy fahamarinana**  
 Izany olona izany dia hampiasa ny karazana ratsy rehetra hamitahana ny olona mba hino azy fa tsy Andriamanitra.

**Ireo zavatra ireo dia ho an'ireo izay very**  
 Io lehilahy izay nahazo hery tamin'i satana io dia hamitaka izay rehetra tsy mino an'i Jesosy.

**Ireo izay very**  
 Eto ny hoe: "very" dia manana fiheverana ny mandrakizay na fandranganana mandrakizay.

## 2 Thessalonians 2:11

**Noho izany antony izany**  
 "Satria ny olona dia tsy tia ny fahamarinana."

**Mandefa asan'ny fahadisoana Andriamanitra mba hinoan'izy ireo lainga**  
 Paoly dia miresaka an'Andriamanitra mamela zavatra hitranga amin'ny olona toy ny hoe nandefasany zavatra izy ireo. DH: "Andriamanitra dia namela ny lehilahy mpandika lalàna mba hamitaka azy ireo."

**Hotsaraina daholo izy rehetra**  
 DH: "Andriamanitra dia hitsara azy rehetra."

**Ireo izay tsy mino ny fahamarinana fa kosa maka fahafinaretana amin'ny tsy fahamarinana**  
 "Ireo izay maka fahafinaretana amin'ny tsy fahamarinana satria izy ireo dia tsy mino ny marina."

## 2 Thessalonians 2:13

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Nanova lohahevitra i Paoly.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
 Paoly dia nisaotra an'Andriamanitra ny amin'ireo mpino ary nampahery azy ireo.

**Fa**  
 Paoly dia nampiasa io teny io eto mba hanamarihana ny fiovan'ny lohahevitra.

**Izahay dia tokony manome fisaorana an'Andriamanitra foana**  
 DH: "tokony manome fisaorana foana isika."

**Izahay dia tokony**

Eto ny hoe: "izahay" dia manondro an'i Paoly, Silasy, ary Timoty.

**Ry rahalahy notiavin'ny Tompo**

DH: "satria tia anareo ny Tompo, ry rahalahy."

**Rahalahy**

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy. DH: "ireo rahalahy sy ireo anabavy."

**Toy ireo voaloham-bokatra ho an'ny famonjena**

"Mba ho anisan'ireo olona voalohany hino an'i Jesosy ary ho voavonjy."

**Amin'ny fanamasinana ny Fanahy**

"Ary hampiavaka anareo amin'ny tenany amin'ny alalan'ny fanahiny."

**Finoana ny fahamarinana**

"Matoky ny fahamarinana" na "fahatokiana ny marina."

**Ka noho izany, ry rahalahy, mijoroa mafy**

Paoly dia nampirisika ireo mpino mba hihazona mafy ny finoany an'i Jesosy.

**Tazomy ireo fahamarinana**

Eto ny "fahamarinana" dia manondro ny fahamarinan'i Kristy izay nampianarin'i Paoly sy ireo Apostoly hafa. Paoly dia miresaka azy ireny ho

toy ny hoe azon'ireo mpamakiny tazomina amin'ny tanany. DH: "Tadidio ny fahamarinana."

**Izay nampianarina anareo**

DH: "izahay dia nampianatra anao."

**Na tamin'ny teny na tamin'ny taratasinay**

DH: "na amin'ny zavatra nampianarinay anao manokana na amin'izay nosoratanay ho anao antaratasy."

**2 Thessalonians 2:16**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Namarana tamin'ny tso-drano avy amin'Andriamanitra i Paoly.

**Ankehitriny**

Paoly dia nampiasa io teny io eto mba hanamarihana ny fiovan'ny lohahevitra.

**Aoka ny Tompotsika ... izay tiantsika sy nanome antsika**

Ny teny hoe: "antsika" dia manondro ny mpino rehetra.

**Jesosy Kristy Tompo tenany**

Eto ny hoe: "tenany" dia manamafy ny hoe "Jesosy Kristy Tompo."

**Hankahery ary hametraka ny fonareo**

Ny hoe: "fo" dia manondro ny fietseham-po. "mankahery anao sy manatanjaka anao."

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ankehitriny, ry rahalahy, mivavaha ho anay, mba ho deraina sy homem-boninahitra ny tenin'ny Tompo, dia tahakan'izany ihany koa ny aminareo. <sup>2</sup> Mivavaha mba ho afaka amin'ireo ratsy fanahy sy olon-dratsy izahay, fa tsy ny rehetra no manam-pinoana. <sup>3</sup> Fa ny Tompo dia mahatoky, izay manamafy orina sy miambina anareo amin'ilay ratsy. <sup>4</sup> Manana fahatokiana amin'ny Tompo momba anareo izahay, mba sady hanaovanareo no hanohizanareo ireo zavatra izay nandidiana anay ianareo. <sup>5</sup> Ny Tompo anie hitarika ny fonareo ho amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiaretan'i Kristy. <sup>6</sup> Ankehitriny mandidy anareo izahay, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hiala amin'ireo rahalahy rehetra izay miaina ao anatin'ny hakamoana sy tsy araka ireo fomban-drazana izay noraisinareo taminay. <sup>7</sup> Fa ianareo tenanareo dia mahafantatra fa mety aminareo ny maka tahaka anay. Tsy niaina teo anivonareo tahaka ireo izay tsy nanana fitsipika izahay. <sup>8</sup> Tsy nihinana sakafon'olona tsy naloa vola izahay. Fa kosa, niasa andro aman'alina tamin'ny asa sarotra sy ny zava-tsarotra izahay, mba tsy ho enta-mavesatra ho an'ny tsirairay aminareo. <sup>9</sup> Tsy hoe nohon'ny tsy fananana fahefana no nanaovanay izany. Fa kosa, nanao izany izahay mba ho fitaratra ho anareo, ka mba hanahaka anay ianareo. <sup>10</sup> Rehefa niaraka taminareo izahay, dia nandidy anareo hoe: "Raha misy iray tsy te hiasa, dia tsy tokony hihinana izy." <sup>11</sup> Fa mandre izahay fa miraviravy tanana ny sasany aminareo. Tsy miasa izy ireo fa mpitsabaka. <sup>12</sup> Ankehitriny ireo olona tahaka izany dia didinay sy hanarinay amin'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa am-pahanginana sy hihinana ny sakafon'izy ireo manokana. <sup>13</sup> Fa ianareo, ry rahalahy, aza mamoy fo amin'ny fanaovana izay marina. <sup>14</sup> Raha misy tsy mankatoa ny tenintsika amin'ity taratasy ity, mariho eo imason'ny olona izy ary aza manana fifandraisana aminy, ka mety ho menatra izy. <sup>15</sup> Aza raisina ho fahavalo izy, fa hanaro ho toy ny rahalahy. <sup>16</sup> Fa ilay Tompon'ny fiadanana anie hanome fiadanana anareo amin'ireo fotoana sy amin'ireo fomba rehetra. Ho aminareo rehetra anie ny Tompo. <sup>17</sup> Ity no fanaovako veloma, izaho Paoly, tamin'ny tanako, izay famantarana amin'ny taratasy rehetra. Izao no soratro. <sup>18</sup> Ny fahasovan'i Jesosy Kristy Tompontosika anie ho aminareo rehetra.

### 2 Thessalonians 3:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia nangataka ireo mpino mba hivavaka ho azy sy ireo namany.

#### Ary ankehitriny

Paoly dia nampiasa io teny io eto mba hanamarihana ny fiovan'ny lohahevitra.

#### Rahalahy

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy. DH: "ireo rahalahy sy ireo anabavy."

#### Mba ho deraina sy homem-boninahitra ny tenin'ny Tompo

Paoly dia miresaka ny fiparitahan'ny tenin'Andriamanitra sahala amin'ny hoe miazakazaka amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray.

#### Mba ho afaka izahay

DH: "mba hamonjen'Andriamanitra antsika" na "mba hanafahan'Andriamanitra antsika."

#### Fa tsy ny rehetra no manam-pinoana

"Fa maro ny olona no tsy mino an'i Jesosy."

#### Izay manamafy orina anareo

"Izay hampahery anareo."

#### Ilay ratsy

"Satana"

### 2 Thessalonians 3:4

#### Manana fahatokiana izahay

"Manana finoana izahay" na "mino izahay."

#### Hitarika ny fonareo

Paoly dia nampahafantatra ny Tompo mba hampirisihana ireo Kristiana hitia an'Andriamanitra toy ny hoe mitarika azy ireo amin'ny lalana. DH: "manampy anareo ahalala."

#### Fo

Izany dia fanoharana ho an'ny fihetseham-po na sitrapo, izay mifehy ny fitiavana sy ny fahatokiana.

#### Amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fijalian'i Kristy

Paoly dia miresaka ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiaretan'i Kristy toy ny hoe tanjona amin'ny lalana. "toy ny ahoana ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra anao sy ny niaretan'i Kristy ho anao."

### 2 Thessalonians 3:6

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Paoly dia nanome toromarika vitsivitsy farany ireo mpino mahakasika ny fiasana sy ny tsy fahakamoana.

**Ankehitriny**

Paoly dia nampiasa io teny io eto mba hanamarihana ny fiovan'ny lohahevitra.

**Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika**  
"Amin'ny alalan'ny fahefan'i Jesosy."

**Rahalahy**

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy. DH: "ireo rahalahy sy ireo anabavy."

**Tompontosika**

Eto ny hoe: "antsika" dia manondro ireo mpino rehetra.

**Miaina ao anatin'ny hakamoana**

"Kamo ary tsy mety miasa."

**Maka tahaka anay**

"Manao tahaka an'i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy" na "manana fitondran-tena tahaka an'i Paoly sy ireo mpiara-miasa aminy."

**Tsy niaina teo anivonareo tahaka ireo izay tsy nanana fitsipika izahay**

DH: "Izahay dia miaina eo anivonareo toy ireo efa nahazo fitsipika."

**Niasa andro aman'alina izahay**

"Izahay dia niasa andro aman'alina" na "miasa mandrakariva izahay."

**Tamin'ny asa sarotra sy ny zava-tsarotra**

Paoly dia nanamafy ny fahasarotan'ny toe-javatra. Ny asa sarotra dia mitaky asa izay mila ezaka mafy. Ny zava-tsarotra dia midika hoe miaritra fahoriana sy fijaliana izy ireo. DH: "amin'ny toe-javatra sarotra indrindra."

**Tsy hoe nohon'ny tsy fananana fahefana no nanaovanay izany**

DH: "Azo antoka fa manana fahefana isika."

**2 Thessalonians 3:10****Miraviravy tanana ny sasany**

DH: "ny sasany dia miaina fiainana feno fahakamoana" na "ny sasany dia kamo."

**Mpitsabaka**

Ny mpitsabaka dia ireo olona izay miditra amin'ny raharahan'ny hafa kanefa tsy nangatahana fanampiana.

**Am-pahanginana**

"Amin'ny mangina, amim-piadanana, amin'ny fomba malefaka. "Paoly dia nampirisika ireo mpitsabaka mba hampitsahatra ny fidirana amin'ny raharahan'ny hafa."

**2 Thessalonians 3:13****Fa**

Paoly dia nampiasa io teny io mba hampitahana ireo mpino kamo amin'ireo mpino miasa mafy.

**Ianareo, ry rahalahy**

Ny teny hoe: "ianareo" dia manondro ireo mpino Tesaloniana rehetra.

**Rahalahy**

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe Kristiana namana, anisan'izany ny lehilahy sy vehivavy. DH: "ireo rahalahy sy ireo anabavy."

**Aza mamoy fo**

Ny hoe: "mamoy fo" dia fomba fiteny izay midika fa reraka, leo, kivy. DH: "aza kivy" na "aza ketraka."

**Mariho eo imason'ny olona izy**

Fantaro hoe iza izy. DH: "Ampahafantaro am-pahibemaso izany olona izany."

**Ka mety ho menatra izy**

Paoly dia nanome toromarika ireo mpino mba hanalavitra ireo mpino kamo ho toy ny fitsipipifehezana.

**2 Thessalonians 3:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia nanao fanamarihana famaranana tamin'ireo mpino tany Tesalonika.

**Ilay Tompon'ny fiadanana anie hanome anareo**

Azonao atao ny manazava tsara fa io no vavaka nataon'i Paoly ho an'ireo Tesaloniana. DH: "mivavaka aho mba hanomezan'ny Tompon'ny fiadanana anareo ..."

**Ilay Tompon'ny fiadanana**

Izany dia manamafy fa ny Tompo manokana no hanome fiadanana ho an'ireo mpino.

**Ity no fanaovako veloma, izaho Paoly, tamin'ny tanako**

"Izaho, Paoly, manoratra ity fanaovam-beloma ity tamin'ny tanako."

**Izao no soratro**

Nohazavain'i Paoly fa io taratasy io dia avy aminy fa tsy sandoka.



## Book: 1 Timothy

### 1 Timothy

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araka ny didin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy i Kristy Jesosy tokintsika, <sup>2</sup> ho an'i Timoty, zanaka lahy marina ao amin'ny finoana: Fahasoavana, famindram-po, ary fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy i Kristy Jesosy Tompontosika. <sup>3</sup> Araka ny nangatahiko mafy ho ataonao rehefa niala tao Makedonia aho, mitoera ao Efesosy mba hahafahanao mibaiko ireo olona sasany tsy hampianatra foto-pampianarana hafa <sup>4</sup> Tsy tokony hitandrina ireo tantara sy tetiarana tsy misy fiafarany izy ireo. Ireo dia niteraka adihevitra fa tsy manampy ny drafitr'Andriamanitra, izay amin'ny alalan'ny finoana. <sup>5</sup> Ary ny tanjon'ny didy dia fitiavana avy amin'ny fo madio, avy amin'ny feon'ny fieritreretana tsara, ary avy amin'ny finoana tsy mihatsaravelatsihy. <sup>6</sup> Ny olona sasany dia tsy nahatratra ny tanjona ary niala tamin'ireo zavatra ireo ho any amin'ny lahateny adaladala. <sup>7</sup> Izy ireo dia te ho mpampiana-dalàna, kanefa izy ireo tsy mahazo izay lazainy sy hizingizinin'izy ireo. <sup>8</sup> Fa isika dia mahafantatra fa ny lalàna dia tsara raha misy iray mampiasa azy amin'ny ara-dalàna. <sup>9</sup> Isika dia mahafantatra izany, fa ny lalàna dia tsy natao ho an'ny olo-marina, fa ho an'ny mpandika lalàna sy olona mpikomy, ho an'ireo ratsy fanahy sy mpanota, ary ho an'ireo andriamani-diso sy tsy masina. Izany dia natao ho an'ireo izay mamono ny ray sy reniny, ho an'ireo mpamono olona, <sup>10</sup> ho an'ireo ratsy fitondran-tena ara-nofo, ho an'ireo sodomita, ho an'ireo mpaka an-keriny olona mba ho andevozina, ho an'ireo mpandainga, ho an'ireo vavolombelona tsy marina, ary na inona na inona hafa manohitra ny fampianarana mahatoky. <sup>11</sup> Io fampianarana io dia mifanaraka amin'ny filazantsaran'ny voninahitr'ilay Andriamanitra voatahy izay nankinina tamiko. <sup>12</sup> Isaorako i Kristy Jesosy Tompontosika. Nampahery ahy Izy, fa nataony mahatoky aho, ary nanendry ahy ho amin'ny fanompoana Izy. <sup>13</sup> Izaho dia mpiteny ratsy, mpanenjika, ary lehilahy mahery setra. Kanefa nahazo famindram-po aho satria tamin'ny tsy fahalalana no nanaovako izany noho ny tsy finoana. <sup>14</sup> Fa ny fahasoavan'ny Tompontosika no nandrakotra tamin'ny finoana sy fitiavana izay ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>15</sup> Izao hafatra izao dia azo antoka sy mendrika ny fanekena rehetra, fa i Kristy Jesosy dia tonga teto an-tany hamonjy ireo mpanota. Izaho no ratsy indrindra tamin'ireo. <sup>16</sup> Fa noho izany antony izany no namindrana fo tamiko, mba amin'ny alalako, ny lehibe indrindra, i Kristy Jesosy dia mety hampiseho ny faharetana rehetra. Nanao izany Izy ho ohatra ho an'ireo izay maniry hatoky Azy ho an'ny fiainana mandrakizay. <sup>17</sup> Ary ho an'ny mpanjakan'ny taona, tsy mety maty, tsy hita maso, ny Andriamanitra tokana, anie ny laza sy voninahitra mandrakizay doria. Amena. <sup>18</sup> Izao didy izao no omeko anao, Timoty, zanako, araka ireo faminiana natao momba anao tany aloha, fa ianao dia mety hiady ny ady tsara, <sup>19</sup> ny fiazonana ny finoana sy ny feon'ny fieritreretana tsara. Tamin'ny fandavana izany, misy ny nanao sambo vaky ny finoany. <sup>20</sup> Tahaka an'i Hymeneo sy Aleksandro, izay natolotro ho an'i Satana mba ampianarana azy ireo tsy hiteny ratsy.

#### 1 Timothy 1:1

**Fampahafantarana amin'ny anakapobeny:**  
Amin'izany fomba zany, ny teny hoe "isika" dia milaza an'i Paoly sy Timoty (ilay iray izay nanoratra izany taratasy izany), tahaka ireo mpino rehetra.

**Paoly**  
"Izaho, Paoly, nanoratra ity taratasy ity"

**araka ny didin'Andriamanitra**  
"tamin'ny alalan'ny didin'ny" na "tamin'ny alalan'ny fahefahan'ny"

**Andriamanitra mpamonjy antsika**  
"Andriamanitra izay namonjy antsika"

#### Kristy Jesosy tokintsika

Eto "tokintsika" dia manambara ilay olona izay ananantsika toky. DH: "Kristy Jesosy, ilay iray izay ananantsika toky" ary "Kristy Jesosy izay itokiantsika"

#### zanaka lahy marina ao amin'ny finoana

I Paoly dia miresaka momba ny fifandraisany akaiky amin'i Timoty tahaka ny hoe ray sy zanaka izy ireo. I Paoly dia mihevitra an'i Timoty toy ny zanaka satria nampianatra an'i Timoty i Paoly mba hanana finoana an'i Jesosy. DH: "izay tahaka ny zanaka marina ho ahy"

**Fahasoavana, famindram-po, ary fiadanana**  
 "aoka anie ny fahasoavana, famindram-po, sy fiadanana ho anareo," na "aoka anie ianareo hiaina amin'ny hatsaram-panahy, famindram-po, ary fiadanana"

**Andriamanitra Ray**  
 "Andriamanitra, ilay Raintsika." eto "Ray" dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

**Kristy Jesosy Tompontosika**  
 "Kristy Jesosy, ilay Tompontosika"

## 1 Timothy 1:3

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 I Paoly dia mankahery an'i Timoty tsy hanaiky ny fampiasana tsy mety ny lalàna ary hampiasa ny fampianarana tsara avy amin'Andriamanitra.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
 Ny teny hoe: "ianao" amin'ity taratasy ity dia manondro olona tokana ary milaza an'i Timoty.

**Araka ny nangatahiko... ataonao**  
 "Araka ny nangatahiko taminao" na "raha nanontany anao mafy aho"

**mitoera ao Efesiosy**  
 "Miandrasa ahy any an-tanànan'i Efesiosy"

**foto-pampianarana hafa**  
 Ny fampahalalana miseho dia afaka lazaina amin'ny endrika mazavazava kokoa. DH: "ny karazana tetiarana avy amin'izay ampianarintsika"

**Tsy tokony hitandrina**  
 DH: "ary tiako handidy azy ireo ianao fa tsy hitandrina fotsiny"

**ireo tantara**  
 Mety ho tantara momba ny razambeny izany.

**sy tetiarana tsy misy fiasarany izy ireo**  
 I Paoly dia mampiasa ny hoe "tsy misy fiasarana" mba hanamafisana fa ireo tetiarana dia mbola ho lava.

**ireo tetiarana**  
 "ny lisitry ny razambe." Ny tetiarana dia ilay voasoratra na raki-tsoratra ny ray aman-drenin'ny olona iray sy ireo razambe. Izy ireo dia tena manan-danja any Israely, araka ny nanorenany azy ireo ny foko izay nahitana ny olon'Israely.

**Izy dia niteraka adihevitra**  
 "Izany dia nahatonga ny olona tsy hanaiky ampahatezerana." Ireo olona dia miady hevitra momba ireo tantara sy ireo tetiarana izay ahafantarana ny fahamarinana ho an'ny sasany.

**fa tsy manampy ny drafitr'Andriamanitra, izay amin'ny alalan'ny finoana**  
 Ireo mety ho dikany 1) "fa tsy hanampy antsika mba hahatakatra ny drafitr'Andriamanitra mba hamonjy antsika, izay ianarantsika amin'ny alalan'ny finoana" na "fa tsy hanampy antsika hanao ny asan'Andriamanitra, izay ataontsika amin'ny alalan'ny finoana."

## 1 Timothy 1:5

**Ary**  
 izany teny izany dia nampiasaina mba hanamarika fiatona amin'ny fampianarana lehibe. Eto i Paoly dia manazava ny tanjona ho amin'ny antony handidiny an'i Timoty.

**ny didy**  
 Eto izany dia tsy midika ny Testamenta taloha na ireo didy folo fa ireo toromarika izay omen'i Paoly ao amin'ny 1:3.

**finoana tsy mihatsaravelatsihy**  
 "Finoana marina" na "finoana tsy misy fihatsarambelatsihy"

**ary niala tamin'ireo zavatra ireo**  
 eto ny hoe: "niala" dia fomba fiteny izay midika fa nitsahatra nanao izay nandidian'Andriamanitra azy izy ireo

**dia fitiavana**  
 Ireo mety ho dikany 1) "dia ny hitia an'Andriamanitra na 2) "dia ny hitia ny olona."

**feon'ny fieritreretana tsara**  
 "ny feon'ny fieritreretana izay mifidy ny marina fa tsy diso"

**avy amin'ny fo madio**  
 Eto ny hoe "madio" dia milaza ilay olona izay tsy nanafina ny faharisiana ny hanao ny ratsy. Eto ny hoe "fo" dia manambara ny saina aman'eritreritry ny olona iray. DH: "avy amin'ny saina izay milaza ny marina"

**mpampiana-dalàna**  
 eto ny "lalàna" dia manambara ny lalàn'i Mosesy.

**kanefa izy ireo tsy mahazo**  
 "na dia tsy mahatakatra aza izy ireo" na "ary hatreto dia tsy mbola takatr'izy ireo izany"

**sy hizingizinin'izy ireo**  
 "izay nambaran'izy ireo manokana dia marina"

**Ny olona sasany dia tsy nahatratra ny tanjona**  
 I Paoly dia miresaka momba ny finoana tahaka ny hoe tanjona izay ho tratrahina izany. I Paoly dia milaza fa ny olona sasany dia tsy manatanteraka feno ny tanjon'izy ireo amin'ny finoana, izay hitia araka izay efa nohazavaina tao amin'ny 1:5

**Fa isika dia mahafantatra fa ny lalàna dia tsara**  
 "isika dia mahatakatra fa ny lalàna dia ilaina" na  
 "fantatsika fa ny lalàna dia mahaso"

**raha misy iray mampiasa azy amin'ny ara-dalàna**  
 "Raha mampiasa izany tsara isika" na "raha  
 mampiasa izany amin'ny fomba  
 fikasan'Andriamanitra

## 1 Timothy 1:9

**Isika dia mahafantatra izany**  
 "Satria manao izany isika" na "mahalala izany ihany  
 koa isika"

**ny lalàna dia tsy natao ho an'ny olo-marina**  
 DH: "fa i Mosesy dia tsy nanome ny lalàna ho an'ny  
 olo-marina"

**ny olo-marina**  
 Eto ny teny hoe "olona" dia ahitana an'ireo lehilahy  
 sy vehivavy. DH: "olona marina iray" na "olona  
 tsara"

**Izany dia natao**  
 DH: "I Mosesy no nanome ny lalàna"

**ireo ratsy fitondran-tena ara-nofo**  
 Izany dia manambara izay olona matory miaraka  
 amin'ny olana hafa izay tsy mbola vadiny.

**ho an'ireo sodomita**  
 "ireo lehilahy miara-matory amin'ireo lehilahy hafa"

**ireo mpaka an-keriny olona mba ho andevozina**  
 Ireo izay maka an-keriny olona mba hamidy toy ny  
 andevo" na "ireo izay maka ny olona mba hamidy  
 toy ny andevo"

**an'ireo vavolombelona tsy marina, ary na inona na inona  
 hafa manohitra ny fampianarana mahatoky**  
 "an'ireo izay manao zavatra hafa ka manohitra ny  
 fampianarana Kristiana"

**ny filazantsaran'ny voninahitr'ilay Andriamanitra  
 voatahy**  
 "ny filazantsara momba ny voninahitra izay ho  
 an'Andriamanitra voatahy" na "ny filazantsaran'ny  
 voninahitra sy Andriamanitra voatahy"

**izay nankinina tamiko**  
 DH: "izay efa nomen'Andriamanitra ahy ary nanao  
 ahy ho tompon'andraikitra amin'izany"

## 1 Timothy 1:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 I Paoly dia milaza ny fomba niasany taloha ary  
 nankahery an'i Timoty mba hahatoky  
 an'Andriamanitra.

**Isaorako**  
 "Feno fankasitrahana aho"

**nataony mahatoky aho**  
 "nihevitra ahy ho azo itokisana izy" na "nihevitra  
 ahy ho azo atokisana"

**ary nanendry ahy ho amin'ny fanompoana Izy**  
 I Paoly dia miresaka momba ny asa fanompoana  
 an'Andriamanitra tahaka ny hoe toerana izay tsy  
 misy olona afaka mipetraka amin'izany. DH: "  
 notendreny aho hanompo azy" na "nanondro ahy  
 toy ny mpanompony izy"

**Izaho dia mpiteny ratsy**  
 "milaza ratsy manohitra an'i Kristy aho". I Paoly dia  
 manambara ny fotoana talohan'ny naha-Kristiana  
 azy.

**mpanenjika**  
 "manenjika ireo izay nino an'i Kristy aho"

**lehilahy mahery setra**  
 "Ratsy fanahy tamin'ny olona hafa aho." Olona iray  
 izay mino fa manan-jo handratra ny hafa izany.

**Kanefa nahazo famindram-po aho satria tamin'ny tsy  
 fahalalana no nanaovako izany noho ny tsy finoana**  
 "Kanefa satria tsy nino an'i Jesosy aho, ary tsy  
 nahalala izay nataoko aho, nahazo famindram-po  
 avy amin'i Jesosy"

**nahazo famindram-po**  
 "Jesosy nampiseho famindram-po tamiko" na  
 "Namindra fo tamiko i jesosy"

**Fa ny fahasoavan'**  
 "ary ny fahasoavana"

**ny fahasoavan'ny Tompontosika no nandrakotra**  
 I Paoly dia miresaka momba ny  
 fahasoavan'Andriamanitra tahaka ny hoe rano izay  
 mahafeno daba ary manary any amin'ny tampony  
 rehefa feno ilay daba. DH: "Andriamanitra  
 nampiseho fahasoavana be"

**tamin'ny finoana sy fitiavana**  
 Izany dia vokatry ny fampisehoan'Andriamanitra  
 fahasoavana be an'i Paoly. DH: "izay nahatonga azy  
 hahatoky an'i Jesosy ary hitia azy"

**izay ao amin'i Kristy Jesosy**  
 I Paoly dia miresaka momba an'i Jesosy tahaka ny  
 oe daba izay mihazona rano. Eto "I Kristy Jesosy"  
 manambara ny fananana fifandraisana miaraka  
 amin'i Jesosy. DH: Fa i Kristy Jesosy dia namela ahy  
 hanome an'Andriamanitra satria miombona aminy  
 aho"

## 1 Timothy 1:15

**Izao hafatra izao dia azo antoka**  
 "Izany fanambarana izany dia marina"

**mendrika ny fanekena rehetra**

"Tokony handray izany tsy amim-pisalasalana isika" na "mendrika antsika ny hanaiky izany amin'ny fahatokiana feno"

**no namindrana fo tamiko**

DH: "Nampiseho famindram-po tamiko i Jesosy" na "Nahazo famindram-po tamin'Andriamanitra aho"

**mba amin'ny alalako, ny lehibe indrindra**

"fa amin'ny alalako, ilay mpanota ratsy indrindra"

**Ary ho...Amena**

Ny teny hoe "Ary ho" dia ampiasaina eto hanamarihana ny fiatoana amin'ny fampianarana lehibe. Eto i Paoly dia mitory an'Andriamanitra"

**ny mpanjakan'ny taona**

"Ilay mpanjaka mandrakizay" na "Ilay lehiben'ny mpanapaka mandrakizay"

**anie ny laza sy voninahitra**

"aoka anie izy hankalazaina sy omena voninahitra" na "aoka anie ny olona hankalaza sy hanome voninahitra azy

**1 Timothy 1:18**

**Izao didy izao no omeko anao**

I Paoly dia miresaka ny momba ireo torolalana tahaka ny hoe afaka mametraka azy ireo ara-batana eo anatrehan'i Timoty. DH: "Mananatra anareo amin'izao didy izao aho" na "izany no andidiako anareo"

**zanako**

I Paoly dia milaza momba ny fifandraisany akaiky amin'i Timoty tahaka ny hoe rainy i Paoly ary Timoty no zanany. I Paoly dia mihevitra an'i Timoty tahaka ny zanany satria nampianatra an'i Timoty i

Paoly mba hanana finoana an'i Jesosy. DH: "Izay tena tahaka ahy"

**araka ireo faminaniana natao momba anao tany aloha**

DH: "amin'ny fanekena miaraka ireo izay naminanian'ireo mpino hafa momba anareo"

**fa ianao dia mety hiady ny ady tsara**

I Paoly dia miresaka momba an'i Timoty miasa amin'ny Tompo tahaka ny hoe miaramila miady amin'ny ady izy.

**ny feon'ny fieritreretana tsara**

"ny feon'ny fieritreretana izay mifidy ny marina fa tsy diso"

**misy ny nanao sambo vaky ny finoany**

DH: "nanao sambo vaky ny finoany izy ireo"

**misy ny nanao sambo vaky ny finoany**

I Paoly dia miresaka momba ny finoan'ireo olona tahaka ny hoe sambo izay mety vaky an-dranomasina. Milaza izy fa nosimbain'izy ireo ny finoany ary tsy mino an'i Jesosy intsony.

**Hymeneo sy Aleksandro**

Anarana lehilahy ireo.

**izay natolotro ho an'i Satana**

I Paoly dia miresaka toy ny hoe manolotra ara-batana ireo lehilahy ireo ho an'i Satana. Izany dia mety midika fa manilika azy ireo ao amin'ny fiaraha-monin'ireo mpino i Paoly. Satria izy ireo dia tsy mpikambana ao amin'ny fiaraha-monina, afaka mahazo hery avy amin'izy ireo i Satana ary manaratsy azy ireo.

**mba ampianarana azy ireo**

DH: "fa Andriamanitra dia mety hampianatra azy ireo"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Voalohany indindra noho izany, dia mampirisika aho fa ireo fangatahana, vavaka, fifonana, ary fisaorana dia natao ho an'ny olona rehetra, <sup>2</sup> ho an'ireo mpanjaka sy ireo rehetra eo amin'ny fahefana, mba ahafahantsika miaina am-piadanana sy miaina milamina amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy fahamendrehana rehetra. <sup>3</sup> Izany dia tsara sy azo ekena eo anatrehan'Andriamanitra mpamonjintsika. <sup>4</sup> Iriany mba hovonjena daholo ny olona rehetra ary ho tonga amin'ny fahalalana ny marina. <sup>5</sup> Fa iray ihany no Andriamanitra, ary iray ihany no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona, dia ilay lehilahy Kristy Jesosy. <sup>6</sup> Izy nanome ny tenany ho vidim-panavotana ho an'ny rehetra, tahaka ny fijoroana vavolombelona amin'ny fotoana tokony ho izy. <sup>7</sup> Fa amin'izany tanjona izany, izaho, ny tenako, dia natao ho mpitory sy ho apostoly. Miteny ny marina aho. Tsy mandainga aho. Mpampianatra an'ireo Jentilisa amin'ny finoana sy fahamarinana aho. <sup>8</sup> Noho izany, tiako ny lehilahy na aiza na aiza mba hivavaka sy hanandra-tanana masina tsy am-pahatezerana na amin'ny fifandirana. <sup>9</sup> Toa izany koa, tiako ny vehivavy mba hiakanjo akanjo mendrika ny tenany, amin'ny fahamaotinanana sy fahafehezan-tena. Tsy tokony hanao volo mirandrana, na volamena, na voahangy, na akanjo lafo vidy. <sup>10</sup> Tiako izy ireo hiakanjo amin'izay mety ho an'ireo vehivavy izay mampiseho toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo asa tsara. <sup>11</sup> Ny vehivavy dia tokony hianatra am-pahanginana ary hanaiky tanteraka. <sup>12</sup> Tsy avelako hampianatra ny vehivavy na hampihatra fahefana amin'ny lehilahy, fa hijanona ao anaty fahanginana. <sup>13</sup> Fa Adama no noforonina voalohany, avy eo i Eva. <sup>14</sup> Adama dia tsy voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka tanteraka tamin'ny fandikan-dalàna. <sup>15</sup> Na izany aza, hovonjena izy amin'ny alalan'ny fiterahan-jaza, raha mitohy amin'ny finoana sy fitiavana ary fahamasinana miaraka amin'ny fahononana-tena.

### 1 Timothy 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia mankahery an'i Timoty mba hivavaka ho an'ny olona rehetra

#### Voalohany indindra

"ny tena manan-danja indrindra" na "alohan'ny zavatra hafa"

#### dia mampirisika aho fa ireo fangatahana, vavaka, fifonana, ary fisaorana dia natao

DH: "Mampirisika ireo mpino rehetra aho mba hangataka, hivavaka, hifona, ary hanome fisaorana an'Andriamanitra"

#### mampirisika aho

"Miangavy aho" na "mangataka aho"

#### am-piadanana sy miaina milamina

Eto "am-piadanana" sy "am-pilaminana" dia midika zavatra mitovy. Tian'i Paoly ho afaka hiaina amin'ny fiainana milamina tsy misy olana avy amin'ireo fahefana ireo mpino rehetra.

#### amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy fahamendrehana rehetra

"izay manome voninahitra an'Andriamanitra ary mba hanajan'ireo olona izany"

#### Iriany mba hovonjena daholo ny olona rehetra ary ho tonga amin'ny fahalalana ny marina

DH: "Andriamanitra maniry ny hamonjy ny olona rehetra ary mba ho tonga amin'ny fahalalana ny fahamarinana izy ireo"

#### ho tonga amin'ny fahalalana ny marina

I Paoly dia miresaka momba ny fahalalana ny fahamarinana momba an'Andriamanitra tahaka ny hoe toerana izay afaka entin'ny olona izany. DH: "Mba hahafantatra sy hanaiky ny fahamarinana"

### 1 Timothy 2:5

#### iray ihany no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona

Ny mpanelanelana dia olona iray izay manampy amin'ny fifampiraharana amin'ny fandriam-pahalemana eo amin'ny antoko roa izay tsy mitovy hevitra. Eto Jesosy dia manampy an'ireo mpanota hiditra ao amin'ny fifandraisana am-pilaminana miaraka amin'Andriamanitra.

#### nanome ny tenany

"maty an-tsitrabo"

#### vidim-panavotana ho an'ny rehetra

"tahaka ny vidin'ny fahafahana" na "ho fanorenana ny fahafahana"

#### tahaka ny fijoroana vavolombelona amin'ny fotoana tokony ho izy

Izany dia afaka atao amin'ny endrika mazava fa izany no vavolombelona izay tian'Andriamanitra hamonjena ny olona rehetra. DH: "tahaka ny porofo amin'ny fotoana izay tian'Andriamanitra hamonjena ny olona rehetra"

#### amin'ny fotoana tokony ho izy

izany dia midika fa izany no fotoana izay nofidin'Andriamanitra.

**Fa amin'izany tanjona izany**  
 "Fa amin'izany" na "fa amin'izany antony"

**Izaho, ny tenako, dia natao ho mpitory sy ho apostoly**  
 DH: "Kristy nanao ahy, Paoly, mpitory ary apostoly"

**mpampianatra an'ireo Jentilisa amin'ny finoana sy fahamarinana aho**  
 "Mampianatra ireo Jentilisa ny hafatra amin'ny finoana sy fahamarinana aho." Eto, i Paoly dia mety mampiasa ny "finoana" sy "fahamarinana" mba hilazana hevitra iray. DH: "mampianatra ireo Jentilisa momba ny finoana marina aho"

## 1 Timothy 2:8

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**  
 I Paoly dia mamarana ny torolalany amin'ny vavaka ary avy eo manome torolalana manokana ho an'ny vehivavy.

**tiako ny lehilahy na aiza na aiza mba hivavaka sy hanandra-tanana masina tsy am-pahatezerana na amin'ny fifandirana**  
 Eto "ireo tanana masina" dia midika fa ny olona manontolo dia masina DH: "tiako ny lehilahy na aiza na aiza misy azy ireo ka masina mba hanandratra ny tanan'izy ireo ary hivavaka"

**ny lehilahy na aiza na aiza**  
 ny lahy amin'ny toerana rehetra" na "ny lahy na aiza na aiza." Eto ny teny hoe "lehilahy" dia milaza manokana ireo lehilahy.

**hanandra-tanana**  
 Fihetsika ara-dalàna ho an'ny olona ny manangan-tanana rehefa mivavaka

**amin'ny fahamaotinana sy fahafehezan-tena**  
 mifehy ireo teny ireo dia milaza zavatra roa mitovy. I Paoly dia manamafy fa ny vehivavy dia tokony manao ireo akanjo izay mendrika ary tsy mahasarika ny sain'ny lehilahy.

**Tsy tokony hanao volo mirandrana**  
 Tamin'ny vanim-potoanan'i Paoly, vehivavy Romana maro no nandrindrana ny volon'izy ireo mba hahatonga ny tenan'izy ireo ho mahasarika. Ny firandranana no fomba tokana ahafahan'ny vehivavy misarika ny saina amin'ny volony. Raha ny tsy fantatra ny firandranana, dia afaka lazaina amin'ny ankapobeny kokoa izany. DH: "Tsy tokony hanana taovolo manaraka ny toetr'andro" na "Tsy tokony manao taovolo manintona ny saina izy ireo"

**voahangy**  
 vakana tsara tarehy sy sarobidy izay ampiasain'ny olona tahaka ny vato soa. Izy ireny dia miforona ao anatin'ny akoran'ny karazana biby kely iray izay miaina any anaty ranomasina.

**izay mampiseho toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo asa tsara**  
 "izay te hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny zavatra tsara izay ataon'izy ireo"

## 1 Timothy 2:11

**Am-pahanginana**  
 "Amin'ny mangina"

**ary hanaiky tanteraka**  
 "ary tsy hametraka fanontaniana mahasika izay henon'izy ireo" na "vonona ny hankatoa izay rehetra handidian'Andriamanitra"

**Tsy manome alalana ny vehivavy aho**  
 "Tsy mamela ny vehivavy aho"

## 1 Timothy 2:13

**Adama no noforonina voalohany**  
 DH: "Adama dia ilay iray izay noforonin'Andriamanitra voalohany" na "Andriamanitra namorona an'i Adama voalohany"

**avy eo Eva**  
 DH: "Avy eo Andriamanitra namorona an'i Eva"

**ary tsy voafitaka i Adama**  
 DH: "Ary Adama dia tsy ilay iray izay voafitaky ny bibilava"

**fa ny vehivavy no voafitaka tanteraka tamin'ny fandikan-dalàna**  
 DH: "fa ilay vehivavy no tsy nankato satria ilay bibilava dia namitaka azy tanteraka"

**hovonjena izy amin'ny alalan'ny fiterahan-jaza**  
 Eto ny hoe "izy" dia milaza ny vehivavy amin'ny ankapobeny. Ireo mety ho dikany 1) Andriamanitra dia hitazona ny fiarovana ara-batana ireo vehivavy rehefa hiteraka ny zaza izy ireo na 2) Andriamanitra dia hamonjy ny vehivavy amin'ny fahotan'izy ireo amin'ny alalan'ny andraikiny amin'ny maha mpitondra zaza.

**hovonjena izy**  
 DH: "Andriamanitra hamonjy azy" na "Andriamanitra hamonjy ireo vehivavy"

**raha mitohy**  
 "Raha mitoetra izy ireo" na "raha manohy ny fiainany izy ireo" Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia manondro ireo vehivavy.

**amin'ny finoana sy fitiavana ary fahamasinana**  
 "amin'ny finoana an'i Jesosy sy ny fitiavana ny hafa ary ny miaina amin'ny fiainana masina"

**miaraka amin'ny fahononan-tena**  
 "miaraka amin'ny fifehezan-tena" na "amin'ny fahalalana izay tsara"



## Chapter 3

<sup>1</sup> Matokia izao teny izao: Raha misy olona iray maniry ny ho mpiandraikitra, dia maniry asa tsara izy. <sup>2</sup> Noho izany dia ny mpiandraikitra dia tsy maintsy tsy manan-tsiny. Tsy maintsy manambady vehivavy tokana izy. Izy dia tokony hahay handajalanja, hendry, tia filaminana, tia mandray olona. Tsy maintsy mahay mampianatra izy. <sup>3</sup> Tsy tokony za-dratsy amin'ny divay izy, tsy mpila ady, fa kosa, malemy fanahy, feno fiadanam-po. Izy dia tsy tokony ho tia vola. <sup>4</sup> Tokony hitantana tsara ny tokantranony izy, ary ireo zanany dia tokony hanaiky azy am-panajana tanteraka. <sup>5</sup> Fa raha tsy mahay mitantana ny tokantranony izy, ahoana no hikorakorany ny fiangonan'Andriamanitra? <sup>6</sup> Tsy tokony ho olona vao niova fo izy, mba tsy hieboeboany ka ho lavo amin'ny fanamelohana tahaka ny devoly. <sup>7</sup> Izy ihany koa dia tsy maintsy tsara laza amin'ireo olona eny ivelany, mba tsy ho lavo anaty fahafaham-baraka sy ny fandriky ny devoly. <sup>8</sup> Ireo Diakona, toy izany ihany koa, dia tokony ho mendrika. Izy ireo dia tsy tokony hisotro divay be loatra na tsy mahalala onona ara-tsakafo. <sup>9</sup> Tokony hitazona ny fahamarinan'ny finoana nambara miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio. <sup>10</sup> Izy ireo ihany koa dia tokony ho sedraina mialoha, avy eo dia tokony hanompo satria tsy manan-tsiny izy ireo. <sup>11</sup> Ireo vehivavy ihany koa dia tokony ho mendrika tahaka izany. Tsy tokony ho mpanendrikendrika izy ireo. Tokony hahay handajalanja ary mahatoky amin'ny zavatra rehetra. <sup>12</sup> Ireo Diakona dia tokony hanambady vehivavy tokana. Tsy maintsy mitantana tsara ireo zanany sy ny tokantranony izy ireo. <sup>13</sup> Fa ireo izay nanompo tsara dia handray ny laza tsara sy fahatokisana lehibe amin'ny finoana ho an'ny tenan'izy ireo izay ao amin'i Jesosy Kristy. <sup>14</sup> Manoratra ireto zavatra ireto aminao aho, ary manantena ny ho avy tsy ho ela any aminao aho. <sup>15</sup> Fa raha tara aho, dia manoratra mba hahafantaranareo ny fitondran-tena ao amin'ny tokantranon'Andriamanitra, izay fiangonan'Andriamanitra velona, ilay vato fehizoro sy fiorenan'ny fahamarinana. <sup>16</sup> Tsy azo lavina fa ny fahamarinana nambara izay araka an'Andriamanitra dia lehibe: "Izy dia niseho tamin'ny nofo, nohamarinin'ny Fanahy, hitan'ny anjely, nambara teo anivon'ireo firenena, ninoan'izao tontolo izao, ary nasandratra tamim-boninahitra."

### 1 Timothy 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

I Paoly dia manome torolalana manokana amin'ny fomba hiasana sy ataon'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny fiangonana.

#### asa tsara

"asa manan-kaja"

#### manambady vehivavy tokana

Tompon'andraikitra iray izay tsy maintsy manana vady tokana ihany. Tsy mazava izany raha manahaka ireo lehilahy izay maty vady na nisaraka taloha, na mbola tsy nanambady mihitsy.

#### tokony hahay andajalanja

"tsy tokony hanao zavatra be loatra"

#### hendry

"azo antoka." Izany dia afaka lazaina ho toy ny fehezanteny feno. "Tsy maintsy mihevitra am-pahendrena izy"

#### tia filaminana

"mendrika." Izany dia afaka lazaina ho toy ny fehezanteny feno. DH: "Tsy maintsy mitandrina tsara izy"

#### tia mandray olona

"nahan'ny vahiny." Izany dia afaka lazaina amin'ny fehezanteny feno. DH: "tsy maintsy mandray ireo vahiny izy"

#### Tsy tokony za-dratsy amin'ny divay izy

"tsy tokony ho mamo lava izy" na "tsy tokony hisotro divay be loatra izy"

#### tsy mpila ady

Izany dia afaka lazaina ho toy ny fehezanteny feno: "tsy tokony ho toy ny olona tia miady sy mifamaly"

#### fa kosa, malemy fanahy, feno fiadanam-po

Izany dia afaka lazaina ho toy ny fehezanteny feno. DH: "Fa kosa tsy maintsy malemy fanahy sy feno fiadanam-po"

#### tia vola

"fitiavam-bola"

### 1 Timothy 3:4

#### Tokony hitantana tsara

"tokony hitarika izy" na "tokony hikorakara izy"

#### hanaiky azy am-panajana tanteraka

Ireo mety ho dikany 1) ny tompon'andraikitr'ireo zanaka dia tokony hankato sy hampiseho fanajana amin'ny rain'izy ireo na 2) ny tompon'andraikitr'ireo zanaka dia tokony hampiseho fanajana amin'ny



olona rehetra na 3) ny tompon'andraikitr'ireo zanaka dia tokony hampiseho fanajana ho an'ireo izay ao amin'ny ankohonana toy ny hoe izy no mitarika azy ireo.

**ahoana no hikarakarany ny fiangonan'Andriamanitra**  
I Paoly dia mampiasa fanontaniana ampianarana an'i Timoty. DH: "tsy afaka ny hikarakara ny fiangonan'Andriamanitra izy" na "Tsy afaka ny hitondra ny fiangonan'Andriamanitra izy"

**ny fiangonan'Andriamanitra**

Eto ny "fiangonana" dia manondro ny olona. DH: "Ny olon'Andriamanitra" na "ireo mpino izay iandraiketany"

### 1 Timothy 3:6

**Tsy tokony ho olona vao niova fo izy**

"Tsy tokony ho mpino vaovao izy" na "tsy maintsy ho mpino matotra izy"

**lavo amin'ny fanamelohana tahaka ny devoly**

I Paoly dia miresaka momba ny fiainana amin'ny fanamelohana tamin'ny fanaovan-dratsy tahaka ny hoe lavaka izay mety hianjeran'ny olona iray. DH: "Andriamanitra dia nanameloka azy tahaka ny nanamelohany ny devoly"

**ireo olona eny ivelany**

"Ireo izay any ivelan'ny fiangonana." I Paoly dia miresaka momba ny fiangonana tahaka ny hoe toerana izany, ary ireo tsy mpino tahaka ny hoe any ivelan'izany izy ireo. DH: "Ireo izay tsy Kristiana"

**tsy ho lavo anaty fahafaham-baraka**

I Paoly dia miresaka momba ny fahafaham-baraka tahaka ny hoe lavaka izay mety hianjeran'ny olona iray. Eto ny teny hoe "hianjerana" dia midika oe miaina. DH: "tsy misy na inona na inona hahamenatra azy eo anatrehan'ireo tsy mpino"

**sy ny fandriky ny devoly**

I Paoly dia miresaka momba ny devoly izay mahatonga ny olona hanota tahaka ny hoe mpihaza misambotra biby amin'ny fandrika. DH: "mba tsy hahatonga azy hanota noho ny devoly"

### 1 Timothy 3:8

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manome torolalana manokana i Paoly amin'ny tokony hiasana sy hisian'ireo diakona sy ireo vadiny ao amin'ny fiangonana.

**Ireo Diakona, toy izany ihany koa**

"Diakona, toy ny tompon'andraikitra"

**dia tokony ho mendrika**

tokony hiasa ara-dalàna" na "tokony ho mendrika ny fanajana"

**Tokony hitazona ny fahamarinan'ny finoana nambara**

"Tsy maintsy manohy ny finoana ny hafatra marin'Andriamanitra izay nambaran'Andriamanitra tamintsika sy ninoantsika izy ireo." Izany dia milaza ny fahamarinana izay nisy hatramin'ny ela kanefa Andriamanitra nampiseho izany azy ireo tamin'izany fotoana izany. I Paoly dia miresaka momba ny fampianarana marina momba an'Andriamanitra tahaka ny hoe zavatra izay afaka tazomin'ny olona iray izany.

**'ny finoana nambara**

DH: "ny fahamarinana izay nambaran'Andriamanitra"

**miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio**

I Paoly dia miresaka ny fahalalan'ny olona fa izy dia tsy nanao ratsy tahaka ny hoe nadio izany fahalalana sy feon'ny fieritreretana izany. DH: "Nahalala fa niezaka ny nanao izay mafy indrindra izy ireo mba hanaovana ny marina"

**Izy ireo ihany koa dia tokony ho sedraina mialoha**

DH: "Ireo mpino hafa dia tokony hanaiky azy ireo mialoha" na "Tokony hanaporofa ny tenany izy ireo aloha"

**ho sedraina mialoha**

Izany dia milaza fa ireo mpino hafa dia tokony hanombana ireo izay maniry ho diakona ary mamaritra raha afaka manompo ao amin'ny fiangonana izy ireo.

### 1 Timothy 3:11

**Ireo vehivavy ihany koa**

Ireo mety ho dikany 1) "ireo vehivavy" dia manondro ireo vadin'ny diakona na 2) "ireo vehivavy" dia manondro ireo diakona vavy.

**mendrika**

"miasa tsara" na "mendrika ny hajaina"

**Tsy tokony ho mpanendrikendrika izy ireo**

"Tsy tokony hiteny ratsy momba ny olona sasany"

**andanjalanja**

"tsy manao zavatra be loatra"

**hanambady vehivavy tokana**

Ny lehilahy dia tsy maintsy manana vady tokana ihany. Tsy mazava izany raha manavaka ireo lehilahy izay maty vady na nisarakana taloha, na mbola tsy nanambady mihitsy.

**mitantana tsara ireo zanany sy ny tokantranony izy ireo**

"mikarakara tsara sy mitarika ireo zanaka ary ireo olona hafa izay miaina ao an-tranon'izy ireo"

**Fa ireo**

"fa ireo diakona" na "Fa ireo mpitarika ny fiangonana"

**handray**

"handray ho an'ny tenan'izy ireo" na "hahazo ho an'ny tenan'izy ireo"

**ny laza tsara**

DH: "tsara laza eo amin'ireo mpino"

**fahatokisana lehibe amin'ny finoana izay ao amin'i****Jesosy Kristy**

Mety ho dikany dia izao: 1) izy ireo dia hino an'i Jesosy amin'ny fahatokisana bebe kokoa na 2) izy ireo dia hiteny am-pahatokisana amin'ny olona hafa mahakasika ny finoan'izy ireo an'i Jesosy.

**1 Timothy 3:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Paoly dia milaza an'i Timoty ny antony nanoratany ho azy ary avy eo namaritra ny fitiavan'i Kristy.

**ary manantena ny ho avy tsy ho ela any aminao aho"**

"Na dia manantena ny hitsidika anareo tsy ho ela aza aho"

**Fa raha tara aho**

"Fa raha tsy afaka mankany tsy ho ela aho" na "Nefa raha misy zavatra tsy mamela ahy ho any tsy ho ela"

**ao amin'ny tokantranon'Andriamanitra**

I Paoly dia miresaka momba ny vondron'ireo mpino tahaka ny hoe fianakaviana izy ireo. DH: "Tahaka ny vondron'ny fianakavian'Andriamanitra" na "eo amin'ny olon'Andriamanitra"

**izay fiangonana**

Izany fehezanteny izany dia manome antsika fampahafantarana momba ny "tokantranon'Andriamanitra" fa tsy manisany fiavahana eo amin'ny ankohonan'Andriamanitra izay fiangonana ary ilay iray izay tsy fiangonana. Izany dia afaka lazaina toy ny fehezanteny vaovao DH: "Ireo izay anisan'ny fianakavian'Andriamanitra dia ilay fiaraha-monina izay mino an'Andriamanitra velona.

**ilay Andriamanitra velona**

Izany fomba fiteny izany dia mety miresaka an'Andriamanitra ho toy ilay iray izay manome ny fiainana ho an'ny rehetra.

**ilay vato fehizoro sy fiorenan'ny fahamarinana**

I Paoly dia miresaka momba ireo mpino mijoro vavolombelona ho an'ny fahamarinana momba an'i Kristy tahaka ny hoe vato fehizoro izy ireo ary

fototra izay manohana ny trano. DH: "Ary, amin'ny fitazomana sy fampianarana ny fahamarinan'Andriamanitra, ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana dia manohana ny fahamarinana tahaka ny vato fehizoro sy fototra izay manohana ny trano izany.

**1 Timothy 3:16****Tsy azo lavina**

"Ary tsy misy afaka ny handà izany"

**fa ny fahamarinana nambara izay araka an'Andriamanitra dia lehibe**

DH: "Fa ny fahamarinana izay nambaran'Andriamanitra dia lehibe"

**Izy dia niseho ...tamim-boninahitra**

Izany dia toy ny feo na poesia izay notsongain'i Paoly.

**Izy dia niseho**

Eto ny hoe "izy" dia mazava. Afaka manondro "an'Andriamanitra" na "Kristy". Dia mety kokoa ny mandika izany amin'ny "izy". Raha tsy maintsy ho faritana kokoa dia afaka adikanareo amin'ny hoe "kristy ilay Andriamanitra" na "Kristy" izany.

**tamin'ny nofo**

I Paoly dia mampiasa "nofo" eto mba ilazana ny olombelona. DH: "tahaka ny tena olombelona"

**nohamarinin'ny Fanahy**

DH: "ny Fanahy Masina dia nanamafy fa izy ilay nolazaina fa izy.

**hitan'ny anjely**

DH: "Nahita azy ny anjely"

**nambara teo anivon'ireo firenena**

DH: "Ireo olona amin'ny firenena rehetra dia nilaza ny hafa ny momba azy"

**ninoan'izao tontolo izao**

DH: "Ireo olona amin'ny faritra rehetra eto an-tany dia nino azy"

**ary nasandratra tamim-boninahitra**

DH: "Ary Andriamanitra ilay Ray nitondra azy niakatra ho any an-danitra"

**tamim-boninahitra**

Izany dia midika fa izy dia nandray ny hery avy amin'Andriamanitra ilay Ray ary mendrika ny voninahitra izy.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Ankehitriny miteny mazava tsara ny Fanahy fa amin'ny fotoana any aoriana any dia hiala amin'ny finoana ny olona sasany ary mitandrema tsara ny amin'ireo fanahy mpamitaka sy ireo fampianaran'ireo demonia <sup>2</sup> amin'ny fihatsarambelatsihin'ny mpandainga. Fa voamarika amin'ny vy mamay ny feon'ny fieritreretana'izy ireo. <sup>3</sup> Ho raràn'izy ireo ny manambady sy ny mandray ireo sakafo izay noforonin'Andriamanitra ho zaraina miaraka amin'ny fisaorana eo amin'ireo izay mino sy izay mahafantatra ny marina. <sup>4</sup> Fa ny zavatra rehetra izay noforonin'Andriamanitra dia tsara. Tsisy holavina ny zavatra noraisintsika tamim-pisaorana. <sup>5</sup> Fa nohamasinina tamin'ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka izany. <sup>6</sup> Raha apetrakareo eo anoloan'ireo rahalahy ireo zavatra ireo, dia ho mpanompo tsaran'i Jesosy Kristy ianareo. Fa notaizana tamin'ireo tenin'ny finoana sy tamin'ny fampianarana tsara izay narahinareo ianareo. <sup>7</sup> Fa lavo ny angano tantarain'ny vavy antitra. Fa kosa, tariho hanome voninahitra an'Andriamanitra ny tenanareo. <sup>8</sup> Fa ny vatana hofanina dia kely ihany no azo ampiasana azy, nefa fampiasa amin'ny zavatra rehetra ny toetra araka an'Andriamanitra. Mihazona ny fampianantenana amin'ity fiainana ankehitriny ity sy ny fiainan-ko avy. <sup>9</sup> Ity hafatra ity dia mendri-pitokisana sy mendrika ny fahafenoan'ny fanekena. <sup>10</sup> Fa noho izany dia hitolona sy hiasa mafy isika. Fa mahatoky ao amin'Andriamanitra velona isika, izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra ireo izay mino. <sup>11</sup> Ambarao sy ampianaro ireo zavatra ireo. <sup>12</sup> Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona ny fahatanoranao. Fa kosa, aoka ho ohatra ho an'ireo izay mino, amin'ny fiteny, fitondran-tena, fitiavana, finoana, ary fahadiovana. <sup>13</sup> Mandra-pihaviko, tohizo ny famakiana, ny fananarana, sy ny fampianarana. <sup>14</sup> Aza atao tsinontsinona ny fanomezam-pahasoavana izay ao aminao, izay nomena anao tamin'ny alalan'ny faminania, niaraka tamin'ny fametrahana-tanan'ireo loholona. <sup>15</sup> Tandrovany ireny zavatra ireny. Meteza ho ao amin'izy ireo, mba hiharihary amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao. <sup>16</sup> Tandremo tsara ny tenanao sy ny fampianarana. Tohizo ireny zavatra ireny. Fa raha manao toy izany, dia ho vonjenao ny tenanao sy ireo izay mihaino anao.

### 1 Timothy 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

I Paoly dia milaza an'i Timoty izay nolazain'ny Fanahy fa hiseho sy nankahery azy amin'izay tokony ampianarin'ny.

#### Ankehitriny

Izany teny izany dia ampiasaina mba hanamarihana ny fiatoana amin'ny fampianarana lehibe. Eto i Paoly dia manomboka ny fitenenany ny ampahany vaovao amin'ny fampianarana.

#### amin'ny fotoana any aoriana any

Ireo mety ho dikany 1) izany dia manambara ny fotoana aorian'ny fahafatesan'i Paoly na 2) izany no fotoana farany amin'ny fiainan'i Paoly manokana.

#### hiala amin'ny finoana

I Paoly dia miresaka momba ireo olona mitsahatra matoky an'i Kristy tahaka ny fialana ara-batana amin'ny toerana iray na zavatra iray. DH: "mitsahatra mino an'i Jesosy"

#### ary mitandrema tsara

"Ary tandremo" na "satria izy ireo dia mitandrina"

#### amin'ireo fanahy mpamitaka sy ireo fampianaran'ireo demonia

"Fanahy izay mamitaka ny olona ary ireo zavatra izay ampianarin'ny demonia"

#### amin'ny fihatsarambelatsihin'ny mpandainga

"Ireo olona ireo dia hihatsaravelatsihy ary hiteny lainga"

#### Fa voamarika amin'ny vy mamay ny feon'ny fieritreretana'izy ireo

Ireo mety ho dikany 1) i Paoly dia miresaka amin'ireo olona izay tsy afaka ny hilaza intsony fa manao ny tsy mety izy ireo tahaka ny sain'izy ireo izay simba toy ny hoditra izay nodoran'ny olona tamin'ny vy mandoro na 2) i Paoly dia miresaka amin'ireo olona tahaka ny hoe nametrahana'ny Satana marika izy ireo tamin'ny vy mandoro mba hanondroana fa izy ireo dia ho azy.

### 1 Timothy 4:3

#### izy ireo

"Ireo olona ireo dia"

#### Ho raràna...ny manambady

izany dia milaza fa izy ireo handrara ireo mpino hanambady. DH: "mandrara ireo mpino hanambady" na "tsy mamela ireo mpino amin'ny fanambadiana"

#### ny mandray ireo sakafo

Izany dia milaza fa izy ireo dia handrara ireo sakafo sasany ihany. DH: "Ary hitaky ny mpino hifady hanina amin'ny sakafo sasany" na "ary tsy hamela ireo olona hinana sakafo sasany izy ireo"

**Tsisy holavina ny zavatra noraisintsika tamim-pisaorana**  
DH: "tsy tokony handa na inona na inona izay hanomezantsika fisaorana an'Andriamanitra isika" na "ny zavatra rehetra izay hanintsika miaraka amin'ny fanomezam-pisaorana dia azo hekena"

**Fa nohamasinina tamin'ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka izany**  
Eto ny hoe: "ny tenin'Andriamanitra" sy ny "vavaka" dia ampiasaina miaraka mba hilazana hevitra iray. Ny vavaka dia mifanaraka amin'ny fahamarinana izay nambaran'Andriamanitra. DH: "Izany dia natokana ho an'ny fampiasan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fivavahana mifanaraka amin'ny teniny"

**Fa nohamasinina...izany**  
DH: "manamasina izany isika" na "nanokana izany isika"

**ny tenin'Andriamanitra**  
Eto ny "teny" dia manambara ny hafatr'Andriamanitra na izay nambarany.

### 1 Timothy 4:6

**Raha apetrakareo eo anoloan'ireo rahalahy ireo zavatra ireo**  
I paoly dia miresaka ny momba ireo torolalana tahaka ny hoe zavatra izay afaka atolotra arabatana ho an'ireo mpino. Eto, ny mametraka eo aloha dia midika fanomezana torolalana na mampahatsiahy. DH: "Raha manampy ireo mpino hahatsiaro ireo zavatra ireo ianareo"

**ireo zavatra ireo**  
Izany dia manambara ny fampianarana nanomboka tao amin'ny 3:16.

**ireo rahalahy ireo**  
Izany dia manambara an'ireo mpino rehetra na lahy na vavy.

**notaizana tamin'ireo tenin'ny finoana sy tamin'ny fampianarana tsara izay narahinareo ianareo**  
I Paoly dia miresaka momba ny tenin'Andriamanitra ary izany fampianarana izany tahaka ny hoe afaka mamahana ara-batana an'i Timoty ary manao azy ho mahery. DH: "ireo tenin'ny finoana sy ny fampianarana tsara izay narahinareo dia mahatonga anareo hahatoky mafy kokoa an'i Kristy"

**ny tenin'ny finoana**  
"ireo teny izay mahatonga ny olona hino"

**ny angano tantarain'ny vavy antitra**  
"Tantara tsy ara-pivavahana sy tantaran'ny vavy antitra." Mety ho tantara momba ny razambeny izany.

**tantarain'ny vavy antitra**  
Izany dia mety fomba filaza midika hoe "adaladala" na "tsy mitombina." Tsy manala baraka ireo

vehivavy i Paoly amin'ny filazana ny hoe: "Ireo vehivavy antitra." Fa kosa, izy sy ireo mpihaino azy nahalala fa ireo lehilahy dia maty tanora noho ny vehivavy, ka noho izany dia maro ireo vehivavy noho ireo lehilahy izay manana saina malemy noho ny fahanterana.

**tariho hanome voninahitra an'Andriamanitra ny tenanareo**  
"tariho ny tenanareo hanome voninahitra an'Andriamanitra"

**fa ny vatana hofanina**  
"fanatanjahan-tena"

**Mihazona ny fampanantenana amin'ity fiainana**  
"izay mahasoa amin'ity fiainana ity" na "hanampy mba hanao ity fiainana ity tsaratsara kokoa"

### 1 Timothy 4:9

**mendrika ny fahafenoan'ny fanekena**  
"mendrika amin'ny fahafenoan'ny finoanareo" na "mendrika amin'ny fitokisana fenonareo"

**Fa noho izany**  
"Izany no antony"

**hitolona sy hiasa mafy isika**  
Ireo teny hoe: "hitolona" sy "hiasa mafy" dia midika zavatra roa mitovy. Paoly dia mampiasa azy ireo mba hanamafisana ny fahatakarana ny fanompoan'izy ireo an'Andriamanitra.

**mahatoky ao amin'Andriamanitra velona isika**  
Eto ny hoe "Andriamanitra velona" dia mety midika, "Andriamanitra, izay nanao ny zava-manan'aina rehetra."

**indrindra amin'ireo mpino**  
Ny fahatakarana ny fahafantarana dia afaka lazaina mazava kokoa. DH: "Fa izy indrindra ilay mpamonjy ny olona izay mino"

### 1 Timothy 4:11

**Ambarao sy ampianaro ireo zavatra ireo**  
"mandidy sy mampianara ireo zavatra ireo" na "mandidy sy mampianara ireo zavatra izay nolazaiko ireo"

**Aoka tsy ho tsinontsinoavin'ny olona ny fahatanoranao**  
"Aza mamela an'iza na iza hihevitra anareo ho tsy manan-danja satria tanora ianareo"

**tohizo ny amin'ny famakiana, amin'ny fananarana, sy amin'ny fampianarana**  
"tohizo ny famakiana, fanazavana, sy ny fampianarana ireo soratra masina ho an'ireo mpino"

## 1 Timothy 4:14

**Aza tsinontsinoavina ny fanomezam-pahasoavana izay ao aminao**

I Paoly dia miresaka amin'i Timoty tahaka ny hoe daba afaka mitazona ireo fanomezan'Andriamanitra. DH: "aza atao antsirambina ny fanomezana ara-panahy"

**Aza tsinontsinoavina**

DH: "aoka ho azo antoka ny fampiasana"

**izay nomena anao tamin'ny alalan'ny faminaniana**

DH: "izay noraisinareo rehefa nilaza ny tenin'Andriamanitra ireo mpitariky ao amin'ny fiangonana"

**niaraka tamin'ny fametrahana-tanan'ireo loholona**

Izany dia lanonana izay ametrahan'ny mpitarika ny fiangonana ny tanan'izy ireo eo amin'i Timoty ary nivavaka mba hamelan'Andriamanitra azy hanao ny asa izay efa nandidiany azy ho ataony.

**Tandrovy ireny zavatra ireny. Meteza ho ao amin'izy ireo**

I Paoly dia miresaka momba ny fanomezan'Andriamanitra ho an'i Timoty tahaka ny

hoe afaka ny ho ao amin'izy ireo ara-batana izy. DH: "ataovy ireny zavatra rehetra ireny ary miaina araka izy ireny"

**mba hiharihary amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao.**

I Paoly dia miresaka momba ny fampitomboana ny fahafahan'i Timoty mba hanompo an'Andriamanitra tahaka ny zavatra ara-batana izay afaka jeren'ny hafa. DH: "mba hahafahan'ny olona hafa mahafantatra fa manompo an'Andriamanitra tsaratsara kokoa ianao"

**Tandremo tsara ny tenanao sy ny fampianarana**

"mitandrema tsara ny tenanareo" na "fehezo ny fitondran-tenanareo"

**Tohizo ireny zavatra ireny**

"Tohizo ny fanaovana ireny zavatra ireny"

**ho vonjena ny tenanao sy ireo izay mihaino anao**

"hitazona ny tenanao sy ireo izay mihaino anao amin'ny finoana hafatra diso na ny fanaovana ireo asa tsy mety ianao. "Ireo olona izay efa nino ny hafatra diso sy asa tsy mety dia afaka manantena fa hijaly vokatr'izany. I Paoly dia tsy maniry an'i Timoty sy ireo namany hijaly amin'ny finoana sy ny fanaovana zava-datsy.

## Chapter 5

<sup>1</sup> Aza mibedy ny lahy antitra. Fa kosa, anaro toy ny ray izy. Anaro toy ny rahalahy ireo lehilahy tanora. <sup>2</sup> Anaro tahaka ny reny ireo vavy antitra, ary ireo vehivavy tanora toy ny anabavy ao amin'ny fahadiovana rehetra. <sup>3</sup> Manajà ireo mpitondratena, ireo tena mpitondratena. <sup>4</sup> Fa raha manan-janaka na zafikely ny mpitondratena iray, dia avelao izy ireo aloha hianatra haneho fanajana ao amin'ny tokantranony. Aoka izy ireo hamaly babena ireo ray aman-dreniny, satria ankasitrahana'Andriamanitra izany. <sup>5</sup> Fa ny tena mpitondratena dia navela ho irery. Mametraka ny fitokiany amin'Andriamanitra izy. Mitoetra hatrany amin'ireo fangatahana sy vavaka andro aman'alina. <sup>6</sup> Na izany aza, ny vehivavy izay miaina ho an'ny fahafinaretana dia maty, na dia mbola velona aza izy. <sup>7</sup> Torio izany zavatra izany mba tsy ananan'izy ireo tsiny. <sup>8</sup> Fa raha misy olona tsy manome ho an'ireo havany akaiky, indrindra ho an'ireo izay ao amin'ny ankohonany, dia nandà ny finoana izy ary ratsy lavitra noho ny tsy mpino. <sup>9</sup> Aoka hosoratana ho mpitondratena ny vehivavy izay tsy latsaky ny enimpolo taona, vehivavy iray izay vadin'ny lehilahy iray. <sup>10</sup> Tokony ho fantatra noho ireo asa tsara izy, na nikarakara ireo ankizy, na ihany koa nampiantrano ireo mpivahiny, na nanasa ny tongotr'ireo mpino, na nanamaivana ny ory, na nanolo-tena tamin'ny asa tsara rehetra. <sup>11</sup> Fa ho an'ireo mpitondratena mbola tanora kosa, dia aza manaiky ny hanoratra azy ireo ao anaty lisitra. Fa rehefa milavo-lefona amin'ny filan'ny nofo hanohitra an'i Kristy izy ireo, dia te-hanambady. <sup>12</sup> Amin'izany izy ireo dia hahazo fanamelohana satria namadika ny fanoloran-tenany voalohany. <sup>13</sup> Ka dia lasa zatra malaina koa izy ireo. Mandehandeha mitety trano. Tsy hoe lasa malaina fotsiny ihany izy ireo, fa lasa mpifosa sy mpila ady ihany koa. Miteny zavatra izay tsy tokony ho teneniny izy ireo. <sup>14</sup> Noho izany dia tiako hanambady ireo vehivavy mbola tanora, hiteraka, hikorakora tokantrano, mba tsy ahafahany manome irika ny fahavalo hampanga anay ho nanao ratsy. <sup>15</sup> Fa ny sasany efa nivily sahadry hanaraka an'i Satana. <sup>16</sup> Raha misy vehivavy mino manana mpitondratena, aoka izy hanampy azy ireo, mba tsy hanavesatra ny fiangonana, mba hahafahany manampy ireo tena mpitondratena marina. <sup>17</sup> Aoka ireo loholona izay manapaka tsara mba ho raisina ho mendri-boninahitra avo roa heny, indrindra ireo izay miasa miaraka amin'ny teny sy amin'ny fampianarana. <sup>18</sup> Fa hoy ny Soratra Masina hoe: "Tsy tokony hanisy fehiny ny vavan'ny ny omby ianao raha mbola mively voa izy." ary koa: "Ny mpiasa dia mendrika ny karamany." <sup>19</sup> Aza mandray fiampangana manohitra ny loholona iray raha tsy misy vavolombelona roa na telo. <sup>20</sup> Ahitsio eo anatrehan'ny rehetra ireo mpanota mba hatahotra ny ambiny hafa. <sup>21</sup> Mandidy anao mafy aho eo anatrehan'Andriamanitra sy eo anatrehan'i Kristy Jesosy ary ireo anjely voafidy, mba hihazonanao ireo didy ireo tsy misy fitsaratsarana ary mba tsy hanaovanao na inona na inona amin'ny fiandania. <sup>22</sup> Aza maimaika mametra-tanana amin'iza na iza. Aza miray ao amin'ny fahotan'ny olon-kafa. Tokony hitazona ny tenanao hadio ianao. <sup>23</sup> Tokony tsy hisotro rano intsony ianao. Fa kosa, tokony handray divay kely ianao ho an'ny vavony sy ireo aretinao mateti-pitranga. <sup>24</sup> Ny fahotan'ireo olona sasany dia fantatra miharihary, ary izy ireo dia mandeha alohan'ireo ao amin'ny fitsarana. Fa ny ota sasany manaraka avy aty aoriana. <sup>25</sup> Toy izany ihany koa, misy asa tsara fantatra miharihary, saingy ireo sasany aza dia tsy azo afenina.

### 1 Timothy 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

I Paoly dia manohy ny fitenenana an'i Timoty amin'ny fomba hitondrana ireo lehilahy, ireo vehivavy, ireo maty vady, ary ireo vehivavy tanora ao am-piangonana.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Nanome ireo didy ireo tamin'ny olona iray i Paoly, Timoty. Ireo karazana fomba fiteny rehetra amin'ny hoe: "ianao" na ireo endrika hafa ilazana ny hoe mandidy dia afaka ampiasaina amin'ny endrika manondro olona tokana eto.

#### Aza mibedy ny lahy antitra

"Aza miteny mafy amin'ny lahy antitra"

#### Fa kosa, anaro....izy

"Fa kosa, ankaherezo izy"

#### toy ny ray izy...toy ny rahalahy... tahaka ny reny...toy ny anabavy

I Paoly dia mampiasa fanoharana mba hitenenana an'i Timoty fa izy dia tokony hitondra ireo namany mpino am-pitiavana marina sy fanajana.

#### ireo vehivavy tanora

DH: "ary anaro ireo vehivavy tanora" na "ary ankaherezo ireo vehivavy tanora"

#### ao amin'ny fahadiovana rehetra

"miaraka amin'ny fahadiovan-tsaina sy ireo asa" na "amin'ny fomba masina"

**1 Timothy 5:3****Manaja ireo mpitondratena**

"Manaja sy manome ireo mpitondratena"

**ireo tena mpitondratena**

"ireo mpitondratena izay tsy misy na iza na iza manome azy ireo"

**avelao izy ireo aloha hianatra**

"Tokony hianatra izy ireo aloha" na "aoka izy ireo hanao ny lohalaharana ny fianarana"

**ao amin'ny tokantranony**

"ao amin'ny fianakavian'izy ireo manokana" na "ho an'ireo izay miaina ao an-tranony"

**Aoka izy ireo hamaly babena ireo ray aman-dreniny**

"Aoka izy ireo hanao ny tsara ho an'ny ray aman-dreniny ho valin'ireo zavatra tsara izay nomen'ny ray aman-dreniny azy ireo"

**1 Timothy 5:5****Fa ny tena mpitondratena dia navela ho irery**

"fa ilay iray izay tena mpitondratena marina tokoa dia tsy manana fianakaviana"

**Mitoetra hatrany amin'ireo fangatahana sy vavaka**

"Manohy ny fangatahany sy ireo vavaka izy"

**ireo fangatahana sy vavaka**

Ireo teny roa ireo dia midika zavatra mitovy. Ampiasain'i Paoly miaraka izy ireo mba hanamafisana ny fivavahan'ireo mpitondra-tena.

**andro aman'alina**

Ireo teny hoe "alina" sy "andro" dia ampiasaina miaraka ka midika hoe "amin'ny fotoana rehetra." DH: "amin'ny fotoana rehetra"

**Na izany aza**

"Kanefa"

**dia maty**

I Paoly dia miresaka momba ny olona izay tsy mitady ny hampifaly an'Andriamanitra tahaka ny hoe maty izy ireo. DH: "toy ny olona maty, tsy mamaly an'Andriamanitra izy"

**mbola velona**

Izany dia milaza ny fiainana ara-batana.

**1 Timothy 5:7****Torio izany zavatra izany**

"mandidy izany zavatra izany ihany koa"

**mba tsy ananan'izy ireo tsiny**

"ka tsy misy olona mahazo tsiny amin'izy ireo." Ireo mety ho dikan'ny hoe: "izy ireo" 1) ireo mpitondratena sy ny fianakavian'izy ireo" na 2) ireo

mpino." Ny mety indrindra dia ny mamela ny hoe "izy ireo."

**tsy manome ho an'ireo havany akaiky**

"tsy manome izay ilain'ireo havany akaiky" na "tsy manampy izay ilain'ireo havany akaiky"

**ho an'ireo izay ao amin'ny ankohonany**

"Ho an'ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviany miaina ao amin'ny tranony"

**nandà ny finoana izy**

nanao zavatra mifanohitra amin'ny fahamarinana izay ninoantsika izy"

**ratsy lavitra noho ny tsy mpino**

"dia ratsy kokoa noho ireo izay tsy mino an'i Jesosy." I Paoly dia milaza fa izany olona izany dia ratsy kokoa noho ny tsy mpino iray satria na ireo tsy mpino aza dia mikarakara ireo havany akaiky. Noho izany, ny mpino iray dia tokony hikarakara ireo havany.

**1 Timothy 5:9****Aoka hosoratana ho mpitondratena**

toa misy lisitra izany, voasoratra na tsia, amin'ny mpitondratena. ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana dia namaly ny filàn'ireo vehivavy fialofana, fitafiana, sy sakafo; ary ireo vehivavy ireo dia efa nantenaina hanolotra ny fiainan'izy ireo mba hanompo ny vondron'ny Kristiana.

**izay tsy latsaky ny enimpolo taona**

Tahaka ny nazavain'i Paoly tao amin'ny 5:11-16, ireo mpitondratena izay tanora latsakin'ny 60 taona dia mety hanambady indray. Ka noho izany ny vondron'ny Kristiana dia tokony hikarakara ireo mpitondratena maherin'ny 60 ihany.

**vehivavy iray izay vadin'ny lehilahy iray**

Ireo mety ho dikany 1) izy dia tsy nampirafy ny vadiny mihitsy na 2) tsy mbola nisaraka tamin'ny vadiny izy ary avy eo nanambady lehilahy hafa.

**Tokony ho fantatra noho ireo asa tsara izy**

DH: "Tsy maintsy ho fantatry ny olona izany asa tsarany izany"

**nampiantrano ireo mpivahiny**

"nandray ireo vahiny tao amin'ny tranony"

**na nanasa ny tongotr'ireo mpino**

Ny fanasana ny tongotra maloton'ny olona izay avy nandeha tamin'ny loto sy fotaka dia fomba iray amaliana ny filàn'ny olona hafa ary mahatonga ny fiainana ho tsaratsara kokoa amin'izy ireo. izany dia mety midika fa izy dia nanao asa fanetren-tena tamin'ny ankapobeny. DH: "nanao ny asa mahazatra hanampiana ireo mpino hafa"

**'ireo mpino**

Ny dikan-teny sasany dia mandika ny hoe: "Ireo mpino" toy ny hoe: "olo-masina" na

"olon'Andriamanitra masina." Ny hevitra manandanja dia ny fanondroana ireo Kristiana mpino.

#### **nanamaivana ny ory**

DH: "Nanampy ireo izay nijaly izy"

#### **nanolo-tena tamin'ny asa tsara rehetra**

"nanome ny tenany amin'ny fanaovana ny karazana asa tsara rehetra.

### **1 Timothy 5:11**

#### **Fa ho an'ireo mpitondratena mbola tanora kosa, dia aza manaiky ny hanoratra azy ireo ao anaty lisitra**

"Fa tsy tafiditra tao amin'ny lisitra ireo mpitondratena tanora." Ny lisitra dia misy ny mpitondratena 60 taona ary mihoatra izay ho ampian'ireo vondron'ny Kristiana.

#### **Fa rehefa milavo-lefona amin'ny filan'ny nofo hanohitra an'i Kristy izy ireo, dia te hanambady**

"Satria rehefa te hanatanteraka ny faniriany aranofo izy ireo ary hanambady, dia manohitra ny fampanantenany mba hanompo an'i Kristy toy ny mpitondratena izy ireo"

#### **namadika ny fanoloran-tenany voalohany**

"Tsy mitazona ny fanoloran-tena izay nataony teo aloha" na "tsy manao izay nampanantenain'izy ireo taloha"

#### **ny fanoloran-tenany**

Ny fanoloran-tenan'ireo mpitondratena dia ny fanekena hanompo ny fiaraha-monin'ireo Kristianina mandritra ny andro sisa iainan'izy ireo raha mamaly ny filan'ireo mpitondratena ny fiaraha-monina.

#### **Ka dia lasa zatra malaina koa izy ireo**

"manana fahazarana amin'ny tsy fanaovana na inona na inona"

#### **mpifosa**

Ireo dia olona miresaka momba ny fiainana manokan'ny olona iray.

#### **mpila ady**

Izy ireo dia olona izay miditra amin'ny fiainan'ny olona hafa.

### **1 Timothy 5:14**

#### **hikarakara tokantrano**

"hikarakara ny olona rehetra ao an-tranony"

#### **ny fahavalo**

Ireo mety ho dikany 1) Izany dia manamabara an'i Satana na 2) Izany dia milaza ireo tsy mpino.

#### **hiampanga anay**

Eto ny "anay" dia manondro ny vondrona Kristiana manontolo.

#### **nivily sahady hanaraka an'i Satana**

I Paoly dia miresaka momba ny fiainana am-pinoana an'i Kristy tahaka ny hoe lalana izay tokony arahina. Izany dia midika fa ny vehivavy dia mitsahatra mankato an'i Jesosy ary manomboka mankato an'i Satana. DH: "miala amin'ny lalan'i Kristy mba anarahana an'i Satana" na "nanapakevitra ny hankato an'i Satana fa tsy i Kristy"

#### **misv vehivavy mino**

"izay vehivavy Kristiana" na "izay vehivavy mino an'i Kristy"

#### **manana mpitondratena**

"manana mpitondratena eo amin'ny havana akaiky"

#### **mba tsy hanavesatra ny fiangonana**

I Paoly dia miresaka momba ny fivondronana izay hanampy ny olona mihoatra noho izay efa vitany tahaka ny hoe mitondra zavatra mavesa-danja ao amin'ny lamosiny izy ireo. DH: "mba tsy ho voatery hanampy ireo mpitondratena efa ampian'ireo fianakaviany ireo vondrona Kristiana.

#### **tena mpitondratena marina**

"Ireo vehivavy izay tsy manana na iza na iza hanome azy ireo"

### **1 Timothy 5:17**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Paoly dia mbola miteny hatrany ny fomba tokony hitondrana ireo loholona (tompon'andraikitra) ary avy eo nanome torolalana manokana an'i Timoty.

#### **Aoka ireo loholona izay manapaka tsara mba ho raisina ho mendri-boninahitra**

DH: "ireo mpino rehetra dia tokony hieritreritra fa ireo loholona izay mpitarika tsara dia mendri-boninahitra"

#### **avo roa heny**

Ireo mety ho dikany 1) "amin'ny fanajana sy fandoavam-bola" na 2) "manaja kokoa noho ny hafa"

#### **ireo izay miasa miaraka amin'ny teny sy amin'ny fampianarana**

I Paoly dia miresaka momba ny teny tahaka ny zavatra iray izay afaka hiasan'ny olona. DH: "Ireo izay mitory sy mampianatra ny tenin'Andriamanitra"

#### **Fa hoy ny Soratra Masina**

Izany dia fanehoana izay midika fa izany no voasoratra ny olona ao amin'ny soratra masina. DH: "Fa isika dia mamaky ao amin'ny soratra masina fa"

#### **Tsy tokony hanisy fehiny ny vavan'ny ny omby ianao raha mbola mbola mively voa izy**

I Paoly dia mampiasa izany teny izany tahaka ny sarin-teny milaza fa ny mpitarika ny fiangonana dia mendrika ny handray fandoavam-bola avy amin'ny vondrona Kristianina noho ny asan'izy ireo.



**fehiny ny vava**

Fehy izay mandalo ny orona sy ny vavan'ny biby izay tsy mamela azy hihinana raha mbola miasa

**mively voa**

Izany dia rehefa mandeha ny omby na misintona zavatra mavesatra eo amin'ny voa tapatapaka mba hanasarahana ny voa amin'ny vato. Ilay omby dia avela hihinana ny sasany amin'ny voa satria niasa izy ireo.

**1 Timothy 5:19****Aza mandray fiampangana**

I Paoly dia miresaka momba ny fiampangana tahaka ny hoe zavatra afaka heken'ny olona ara-batana. DH: "Aza manaiky ho marina izay fiampangana lazain'ny olona"

**roa na telo**

"farafahakeliny roa na telo" na "roa na telo mihoatra"

**ireo mpanota**

Izany dia manambara ny olona nanao zavatra tsy hankatoavina na tsy ankasitrahana Andriamanitra, na ireo zavatra izay tsy fantan'ny hafa ny momba izany.

**mba hatahotra ny hafa ambiny**

"mba hahatonga ny hafa hatahotra ny hanota"

**1 Timothy 5:21****ireo anjely voafidiny**

Izany dia milaza ireo anjely izay nofidin'Andriamanitra sy Jesosy hanompo azy ireo amin'ny fomba manokana.

**hihazonanao ireo didy ireo tsy misy fitsaratsarana ary mba tsy hanaovanao na inona na inona amin'ny fiandaniana**

Ny teny hoe "fitongilanana" sy "fiandaniana" dia midika zavatra mitovy. I Paoly dia manamafy fa i Timoty dia tsy maintsy mitsara marina sy ho tsara fanahy amin'ny rehetra. DH: "fa ianareo mitazona ireo lalàna ireo tsy misy ampahany na mampiseho fiandaniana amin'ny olona"

**hihazonanao ireo didy ireo**

Ireo mety ho dikany 1) izany dia manondro ireo lalàna izay vao nolazain'i Paoly an'i Timoty na 2) Izany dia manondro ireo lalàna izay vao ho lazain'i Paoly an'i Timoty.

**mametra-tanana**

Izany dia lanonana izay hametrahan'ny iray na mpitarika fiangonana maromaro ireo tanany amin'ny olona ary mivavaka fa Andriamanitra dia hanaiky ireo olona hanompo ny fiangonana amin'ny fomba mety ankasitrahana Andriamanitra. Timoty dia niandry mandra-pahatongan'ilay olona naneho toetra tsara nandritran'ny fotoana ela alohan'ny

hametrahana izany olona izany hanompo ireo vondrona Kristianina.

**Aza miray amin'ny fahotan'ny olon-kafa**

I Paoly dia miresaka momba ny fahotan'ny olona tahaka ny hoe zavatra izay afaka zaraina amin'ny hafa. DH: "Aza miray amin'ny fahotan'ny olona hafa" na "aza mandray anjara rehefa manota ny olona hafa"

**Aza miray amin'ny fahotan'ny olon-kafa**

Ireo mety ho dikany 1) raha nifidy olona izay meloka amin'ny fahotana mba ho mpiasa ao ampiangonana i Timoty, Andriamanitra dia handray an'i Timoty ho tompon'andraikitra amin'ny fahotan'izany olona izany na 2) Timoty dia tsy tokony hanao ny fahotana izay hitany ataon'ny olona.

**1 Timothy 5:23****Tokony tsy hisotro rano intsony ianao**

Izany dia midika fa i Paoly dia milaza fa tsy tokony hisotro rano fotsiny i Timoty. Nilaza tamin'i Timoty izy mba hampiasa divay ho fanafody. Ilay rano ao amin'ny faritra dia matetika nahatonga aretina

**Ny fahotan'ireo olona sasany dia fantatra miharihary**

DH: "Ireo fahotan'ny olona sasany dia miharihary loatra"

**ary izy ireo dia mandeha alohan'ireo ao amin'ny fitsarana**

"ny fahotan'izy ireo dia nandroso teo alohan'ireo olona ho any amin'ny fitsarana." I Paoly dia miresaka momba ny fahotana tahaka ny hoe afaka mifindra. Ireo mety ho dikany 1) Ny fahotan'izy ireo dia miharihary ka ho fantatry ny olona rehetra fa meloka izy ireo na dia tsy misy olona aza nijoro vavolombelona nanohitra azy ireo na 2) ny fahotan'izy ireo dia hita, ary Andriamanitra hitsara azy ireo ankehitriny.

**Fa ny ota sasany manaraka avy aty aoriana**

"Fa ny fahotana sasany dia hanaraka ny olona hafa any aoriana any." I Paoly dia miresaka momba ny fahotana tahaka ny hoe afaka mifindra. Ireo mety ho dikany 1) Timoty sy ireo vondrona Kristiana dia tsy hahalala ny momba ny fahotana sasany raha tsy any aoriana any na 2) Andriamanitra dia tsy hitsara ny fahotana sasany raha tsy amin'ny fitsarana farany.

**tsara**

Eto ny hoe "tsara" dia mifandraika amin'ny toetran'Andriamanitra, tanjony, sy ny sitrapony.

**misy asa tsara fantatra miharihary**

"misy asa tsara sasany miharihary"

**saingy ireo sasany aza dia tsy azo afenina**

I Paoly dia miresaka momba ny fahotana tahaka ny hoe zavatra afaka afenina izany. DH: "Fa ny olona

dia hahita any aoriana na dia mahakasika ny asa  
soa izay tsy miharihary aza"

---

## Chapter 6

<sup>1</sup> Aoka ireo rehetra izay ao ambanin'ny zioga toy ireo andevo mba hanao ny tompony ho mendrika ny haja rehetra. Izy ireo dia tokony hanao izany mba tsy hitenenana ratsy ny anaran'Andriamanitra sy ny fampianarana. <sup>2</sup> Ireo andevo izay manana tompo mino dia tsy tokony hanao tsinontsinona azy ireo satria mpirahalaha aminy. Fa kosa, izy ireo dia tokony hanompo ireo hatrany hatrany. Fa ireo tompo izay nampiana tamin'ny asan'izy ireo dia mpino sady tiavina. Ampianaro ary ambarao ireo zavatra ireo. <sup>3</sup> Hevero fa ny olona dia mampianatra amin'ny fomba hafa ary tsy manaiky ny fanoroantsika ara-pinoana, izay, tenin'i Jesosy Kristy Tompontosika. Hevero fa izy ireo dia tsy manaiky ny fampianarana izay mitondra any amin'ny toetra araka an'Andriamanitra. <sup>4</sup> Izany olona izany dia mirehareha ary tsy mahalala na inona na inona. Fa kosa, izy dia adalan'ireo adihevitra sy ireo fandresen-dahatra momba ireo teny. Ireny teny ireny dia miteraka fialonana, fanevatevana, ahiahy ratsy, <sup>5</sup> ary ny fifandonana eo amin'ireo olona maloto fisainana. Miala amin'ny marina izy ireo. Mihevitra izy fa ny toetra araka an'Andriamanitra no fomba ahatongavana ho mpanan-karena. <sup>6</sup> Ary ny toetra araka an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahafahampo dia tombony lehibe. <sup>7</sup> Satria isika dia tsy nitondra na inona na inona amin'izao tontolo izao. Tsy hahavita hitondra na inona na inona isika. <sup>8</sup> Fa kosa, aoka isika ho afa-po amin'ny hanina sy ny fitafiana. <sup>9</sup> Ary ireo izay te ho lasa mpanan-karena dia latsaka ao anatin'ny fakam-panahy, ao anatin'ny fandrika. Latsaka tao anatin'ny hadalana sy ireo filàna mampidi-doza maro izy ireo, ary ihany koa ireo hafa mandetika ireo olona ao amin'ny faharavana sy ny fandriganana. <sup>10</sup> Satria fototr'ireo karazan-dratsy rehetra ny fitiavam-bola. Ny olona sasany izay maniry izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ary nanindrona ny tenan'izy ireo tamin'ny fahoriana lehibe. <sup>11</sup> Fa ianao, ry lehilahin'Andriamanitra, mandosira ireo zavatra ireo. Miezaha mitady ny fahamarinana, ny toetra araka an'Andriamanitra, ny fahatokisana, ny fitiavana, ny faharetana ary ny hatsaram-panahy. <sup>12</sup> Miadia ny ady tsaran'ny finoana. Hazony ny fiainana mandrakizay fa ho amin'izany no niantsoana anao. Izany dia momba ny nijoronao vavolombelona ny amin'izay inoanao teo anatrehan'ireo vavolombelona maro tamin'izay tsara. <sup>13</sup> Izaho dia manome anao izany didy izany eto anoloan'Andriamanitra, izay nahatonga ny zavatra rehetra ho velona, ary eo anatrehan'i Kristy Jesosy, izay nilaza ny marina teo anatrehan'i Pontio Pilato: <sup>14</sup> Tehirizo tsara ny didy, tsy manan-tsiny, mandra-pisehon'ny Tompontosika Jesosy Kristy. <sup>15</sup> Andriamanitra dia maneho ny fisehoany amin'ny fotoana tokony ho izy\_ Andriamanitra, ilay iray izay notahiana, ilay hery tokana, ilay Mpanjaka izay manjaka, ary ilay Tompo izay manapaka. <sup>16</sup> Izy irery ihany no manana ny tsy fahafatesana ary mitoetra eo amin'ny hazavana tsy azo hanatonana. Tsy misy olombelona mahita azy na afaka mijery Azy. Ho azy anie ny voninahitra sy ny hery mandrakizay. Amena. <sup>17</sup> Lazao ny mpanan-karena amin'izao tontolo izao mba tsy hirehareha, sy manantena ny harena, izay tsy azo antoka. Fa kosa, tokony hanantena an'Andriamanitra izy ireo. Manome antsika ny harena marina rehetra izy mba hifaliantsika. <sup>18</sup> Lazao izy ireo mba hanao ny tsara, mba hanan-karena amin'ny asa tsara, mba alala-tanana, ary vonona hizara. <sup>19</sup> Amin'izany fomba izany, dia ho tehirizin'izy ireo ny fototra tsara ho an'ny tenany amin'izay ho avy, ka hihazonany ny tena fiainana. <sup>20</sup> Ry Timoty, arovy izay natolotra anao. Hialao ny resaka adala sy ny fandresen-dahatra mifanohitra momba ny fiantsoana diso ny amin'izay atao hoe fahalalana. <sup>21</sup> Ny olona sasany dia manambara izany zavatra izany ka dia tsy nahatsiaro ny finoany izy ireo. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

### Footnotes

6:5 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny fandikana taloha sasany dia manampy hoe: "Miala amin'ny zavatra toy izany". Fa ny fandikana taloha tsara indrindra dia tsy manampy izany.

### 1 Timothy 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

I Paoly dia manome torolalana manokana ho an'ireo andevo sy ireo tompony ary avy eo manohy ny torolalana amin'ny fiainana araka an'Andriamanitra.

#### Aoka ireo rehetra izay ao ambanin'ny zioga ho toy ireo andevo

I Paoly dia miresaka momba ny olona izay miasa toy ny andevo tahaka ny hoe omby mitarika ny zioga. DH: "Aoka ireo rehetra izay miasa ho toy ny andevo"

**Aoka ireo rehetra**

Izany dia midika fa i Paoly dia miresaka momba ireo mpino. DH: "Aoka ireo rehetra izay mino"

**mba tsy hitenenana ratsy ny anaran'Andriamanitra sy ny fampianarana**

DH: "Ireo tsy mpino dia mety hilaza mandrakariva am-panajana ny anaran'Andriamanitra sy ny fampianarany "

**ny anaran'Andriamanitra**

Eto ny hoe "anarana" dia manambara ny toetran'Andriamanitra" DH: "Ny toetran'Andriamanitra" na "Andriamanitra"

**ny fampianarana**

"ny finoana" na "ny filazantsara"

**izy ireo dia mpirahalalahy**

Eto ny hoe "ireo mpirahalalahy" dia midika ho "ireo namana mpino"

**Fa ireo tompo izay nampiana tamin'ny asan'izy ireo**

DH: "Fa ireo tompo izay nampian'ireo andevo amin'ny asan'izy ireo"

**sady tiavina**

Ireo mety ho dikany 1) "ary ireo andevo dia tokony hitia azy ireo" na 2) "izay tian'Andriamanitra"

**1 Timothy 6:3****mampianatra amin'ny fomba hafa**

"mampianatra foto-mpampianarana samihafa" na "mampianatra izay tsy mety"

**izay mitondra any amin'ny toetra araka an'Andriamanitra**

"Izay manampy ny olona hanao ny toetra araka an'Andriamanitra" na "izay manampy ny olona haina amin'ny fomba izay mahafaly an'Andriamanitra"

**tsy mahalala na inona na inona**

"Tsy mahafantatra na inona na inona momba ny fahamarinan'Andriamanitra"

**izy dia adalan'ireo adihevitra sy ireo fandresen-dahatra**

I Paoly dia miresaka momba ireo olona izay mahatsiaro noterena mba hiditra amin'ny fandresen-dahatra tsy misy ilana azy tahaka ny hoe marary izy ireo. Ny olona toy izany dia maniry mafy ny asan'ny fanoherana, ary tsy maniry ny hahita ny fomba hanekena. DH: "Izay rehetra tiany hatao dia ny mifanohitra amin'izany" na "ireo adihevitra mafana"

**izy dia marary**

Eto "izy" dia tsy manambara olona manokana fa ny olona rehetra amin'ny ankapobeny. DH: "Izy ireo dia marary"

**momba ireo teny**

"momba ny dikan'ireo teny"

**fialonana**

"ny faniriana ny hanana izay hananan'ny olona"

**fanevatevana**

"Ny olona izay milaza zavatra diso mahakasika ny tsirairay"

**ahiahy ratsy**

"Ny olona mahatsapa fa ny olona hafa dia haniry hanao ratsy azy ireo"

**ny fifandonana eo amin'ireo olona maloto fisainana**

"Ratsy fanahy"

**Miala amin'ny marina izy ireo**

Eto ny hoe "miala amin'ny" dia fomba fiteny izay midika fitsaharana ny fanaovana zavatra iray." DH: "mitsahatra mino ny fahamarinana"

**1 Timothy 6:6****Ary**

Izany dia manondro fiatoana amin'ny fampianarana. Eto i Paoly dia manomboka manohitra ny karazana harena tadiavin'ireo olona ratsy fanahy amin'ny alalan'ny toetra araka an'Andriamanitra ary ireo karazana tombony marina izay azon'ny olona amin'ny alalan'ny toetra araka an'Andriamanitra. DH: "mazava ho azy"

**ny toetra araka an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahafaham-po dia tombony lehibe**

Ireo teny hoe "toetra araka an'Andriamanitra" sy "fahafaham-po" dia anarana iombonana. DH: "izany dia tombony lehibe ho an'ny olona iray mba hanaovana ny sitrapon'Andriamanitra ary hifaly amin'izay hananan'izy ireo"

**tombony lehibe**

"manome tombontsoa lehibe" na "manao zavatra tsara maro ho antsika"

**tsy nitondra na inona na inona amin'izao tontolo izao**

"tsy nitondra na inona na inona teto amin'izao tontolo izao fony isika teraka"

**Tsy ahavita hitondra na inona na inona isika**

"Ary tsy afaka mitondra na inona na inona ivelan'izao tontolo izao rehefa maty isika"

**aoka isika**

"isika dia tokony"

**1 Timothy 6:9****Ary**

Izany dia manondro fiatoana amin'ny fampianarana. Eto i Paoly dia manomboka manohitra ny karazana harena tadiavin'ireo olona ratsy fanahy amin'ny alalan'ny toetra araka an'Andriamanitra ary ireo

karazana tombony marina izay azon'ny olona amin'ny alalan'ny toetra araka an'Andriamanitra. DH: "mazava ho azy"

**te ho lasa mpanan-karena dia latsaka ao anatin'ny fakam-panahy, ao anatin'ny fandrika**

I Paoly dia miresaka momba ireo izay mamela ny fakam-panahin'ny vola hahatonga azy ireo hanota tahaka ny hoe biby nianjera tao anaty lavaka izy ireo izay nampiasain'ny mpihaza toy ny fandrika. DH: "mba hahatonga ho mpanan-karena dia hihaona bebe kokoa amin'ny fakam-panahy izay afaka toherin'izy ireo, ary ho toy ny biby anaty fandrika izy ireo."

**Latsaka tao anatin'ny adalana sy ireo filàna mampidi-doza maro izy ireo**

Izany dia midika fa ny adalan'izy ireo sy ireo filàna mampidi-doza maro dia handresy azy ireo. DH: "ary toy ny biby mianjera anaty lavaky ny mpihaza, dia hianjera amin'ny adalana maro sy filàna mampidi-doza maro izy ireo."

**ary ihany koa ireo hafa mandetika ireo olona ao amin'ny faharavana sy ny fandriganana**

I Paoly dia miresaka ny momba ireo izay namela ny fahotana hanimba azy ireo tahaka ny hoe sambo milentika anaty rano. DH: "Ary amin'ireo karazana zava-dratsy izay handrava sy handringana ny olona iray tahaka ny sambo milentika anaty rano"

**Satria fototr'ireo karazan-dratsy rehetra ny fitiavam-bola**

I Paoly dia miresaka momba ny mahatonga ny ratsy tahaka ny hoe fakan-javamaniry. DH: "Satria ny fitiavam-bola dia mahatonga ny karazan-dratsy rehetra"

**izay maniry**

"Izay maniry vola"

**dia efa voavily niala tamin'ny finoana**

I Paoly dia miresaka momba ny fanirian-diso tahaka ny hoe izy ireo dia mpitarika ratsy izay mitarika ireo olona hanaraka ny lalan-diso. DH: "namela ny fanirian'izy ireo hitondra azy ireo lavitry ny fahamarinana" na "nitsahatra nino ny fahamarinana"

**nanindrona ny tenan'izy ireo tamin'ny fahoriana lehibe**

I Paoly dia miresaka momba ireo alahelo tahaka ny hoe sabatra izay ampiasain'ny olona iray mba hanindromany ny tenan'izy ireo. DH: "nahatonga azy ireo halahelo be"

**1 Timothy 6:11**

**Fa ianao**

Eto ny hoe "ianao" dia manambara olona iray ary milaza an'i Timoty.

**lehilahin'Andriamanitra**

"mpanompon'Andriamanitra" na "olona izay an'Andriamanitra"

**mandositra amin'ireo zavatra ireo**

I Paoly dia miresaka momba ny fakam-panahy sy ireo heloka tahaka ny hoe zavatra afaka entina handosiran'ny olona izany. DH: "Ataovy toy ny zava-boary izay maniry hanisy ratsy anao ireny zavatra ireny"

**ireo zavatra ireo**

Ireo mety ho dikany ny hoe "ireo zavatra ireo" 1) ny "fitiavam-bola" na 2) ireo karazana fampianarana, avonavona, ireo adihevitra, ary ireo fitiavam-bola.

**Enjeho ny fahamarinana**

"manenjika" na "mihaza." I Paoly dia miresaka momba ny fahamarinana sy ireo toetra tsara hafa tahaka ny hoe zavatra afaka henjehin'ny olona iray izany. DH: "Izany fomba fiteny izany dia manohitra ny hoe "mandositra ny." Izany dia midika ny fiezahana mafy mba ahazoana zavatra. DH: "mitadiava mba hahazo" na "manaova izay tsara indrindra azonareo hatao"

**Miadia amin'ny ady tsaran'ny finoana**

Eto i Paoly dia miresaka momba ny olona manohy ny finoany tahaka ny hoe izy ireo dia atleta miady mba handresy ny fifaninanana na mpiady iray miady. DH: "miezaha mafy mba hankato ny fampianaran'i Kristy miaraka amin'ny angovo toy ny ampiasain'ny atleta amin'ny fifaninanana"

**Hazon'ny fiainana mandrakizay**

I Paoly dia manohy ny fitenenany momba ny olona iray nandray ny fiainana mandrakizay tahaka ny atleta mpandresy izy ireo na ireo mpiady mandray ny loka. DH: "mandray ny fiainana mandrakizay ho toy ny valisoa azonareo tahaka ny atleta mpandresy mandray ny loka"

**amin'izay niantsoana anao**

DH: "Izay niantson'Andriamanitra anao"

**anatrehan'ireo vavolombelona maro**

DH: "vavolombelona maro"

**tamin'izay tsara**

"momba izay ninoanareo"

**1 Timothy 6:13**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

I Paoly dia miresaka momba ny fahatongavan'i Kristy, manome torolalana manokana an'ireo mpanan-karena, ary farany dia mamarana ny hafatra manokana ho an'i Timoty.

**manome anao izany didy izany**

"izany no nandidiko anao"

**anolonan'Andriamanitra**

"eo anatrehan'Andriamanitra." Izany dia milaza fa i Paoly dia mangataka an'Andriamanitra ho vavolombelony. DH: "miaraka amin'Andriamanitra ho vavolombelona"

**anatrehan'i Kristy**

"eo anatrehan'i Kristy." Izany dia midika fa i Paoly dia mangataka an'i Jesosy ho vavolombelony. DH: "miaraka amin'i Kristy Jesosy ho vavolombelona"

**tsy manan-tsiny**

Ireo mety ho dikany 1) Jesosy dia tsy hahita fahadisoana amin'i Timoty na 2) ny olona hafa dia tsy hahita fahadisoana amin'i Timoty

**mandra-pisehon'ny Tompontsika Jesosy Kristy**

"mandra-pahatongan'ny Tompo Jesosy indray"

**1 Timothy 6:15****Maneho ny fisehoany amin'ny fotoana tokony ho izy Andriamanitra**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia hanambara an'i Jesosy. DH: "Andriamanitra hanambara an'i Jesosy"

**amin'ny fotoana tokony ho izy**

"amin'ny fotoana mety"

**ilay iray izay notahiana**

"Ilay iray izay mendrika ho deraina." Izany dia milaza an'Andriamanitra ilay Ray."

**Izy irery ihany no manana ny tsy fahafatesana**

"Ilay iray izay manana ny hery mba hiaina mandrakizay"

**mitoetra eo amin'ny hazavana tsy afaka anatonana**

"ary izy dia mitoetra ao amin'ny hazavana tena mamiratra izay tsy hisy olona afaka hanantona azy"

**1 Timothy 6:17****Lazao ny mpanan-karena**

DH: "Milaza ireo manan-karena"

**ny harena, izay tsy azo antoka**

"amin'ny zavatra maro ananan'izy ireo izay mety ho very." Ny zavatra ambara eto dia ireo zavatra ara-batana.

**ny harena marina rehetra**

"Ny zavatra rehetra izay mahatonga antsika ho faly tokoa." Ny zavatra ambara eto dia ahitana ireo

zavatra ara-batana, fa angamba izany dia tena milaza ny hoe, fitiavana, fifaliana, ary fiadanan'ny olona izay miezaka ny hahazo amin'ny alalan'ireo zavatra ara-batana.

**mba hanan-karena amin'ny asa tsara**

I Paoly dia miresaka momba ny fitahiana arapanahy tahaka ny hoe harena ety an-tany izy ireo. DH: "manompo sy manampy ireo hafa amin'ny fomba maro"

**dia ho tahirizin'izy ireo ny fototra tsara ho an'ny tenany amin'izay ho avy**

I Paoly dia miresaka momba ny fitahian'Andriamanitra izay omeny any an-danitra tahaka ny hoe manan-karena izy ireo ka ny olona iray dia mitahiry ka hampiasa izany aoriana any. DH: "hanana fitahiana be dia be izy ireo ao amin'ny Kristy rehefa miverina izy"

**hihazonany ny tena fiainana**

izany dia mampahatsiahy ny sarin-teny ao amin'ny 6:11, izay ny loka dia zavatra afaka tazomin'ny mpandresy amin'ireo tanany. Eto ny hoe "loka" dia "tena" fiainana.

**1 Timothy 6:20****arovy izay natolotra anao**

DH: "mitory am-pahatokiana ny hafatra marina izay nomen'i Jesosy anao"

**Hialao ny resaka adala**

"aza mihaino ny resaka adaladala"

**momba ny fiantsoana diso ny hoe fahalalana**

DH: "izay fiantsoana dison'ny olona sasany ny hoe fahalalana"

**tsy nahatsiaro ny finoana izy ireo**

I Paoly dia miresaka momba ny finoana an'i Kristy tahaka ny hoe tanjona izay tokony hotratrarina izany. DH: "Tsy nahazo na nino ny finoana marina izy ireo"

**Ho aminareo anie ny fahasoavana**

"Aoka anie Andriamanitra hanome fahasoavana ho anareo rehetra." Ilay "ianareo" eto dia manondro olona maro ary milaza ny vondrona Kristianina rehetra.

## Book: 2 Timothy

### 2 Timothy

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, araka ny fampanantenan'ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy, <sup>2</sup> an'i Timoty, zanaka tiana: Fahasoavana, fiantrana, ary fiadanana avy amin'Andriamanitra ilay Ray sy Kristy Jesosy Tompontsika. <sup>3</sup> Misaotra an'Andriamanitra aho, izay tompoiko avy amin'ireo razambeko, miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio, tahaka ny hahatsiarovako anao mandrakariva amin'ny fivavahako andro aman'alina. <sup>4</sup> Tahaka ny hahatsiarovako ireo ranomasonao, maniry mafy ny hahita anao aho, ka mety ho feno hafaliana aho. <sup>5</sup> Nampahatsiahivina tamiko ny finoanao marina, izay niaina voalohany tao amin'ny renibenao Loisa sy ny reninao Eonisa, ary resy lahatra aho izao fa miaina ao aminao ihany koa izany. <sup>6</sup> Izany no antony ampahatsiahivako anao mba hampiasanao indray ny fanomezan'Andriamanitra ao aminao amin'ny alalan'ny fametrahako tanana. <sup>7</sup> Fa Andriamanitra tsy nanome fanahin'ny tahotra antsika, fa ny hery sy fitiavana ary fifehezan-tena. <sup>8</sup> Ka aza menatra amin'ny fijoroana vavolombelona momban'ny Tompontsika, na amiko, Paoly, ilay gadrany. Fa kosa, mizarà amin'ny fahoriana ny filazantsara araka ny herin'Andriamanitra. <sup>9</sup> Fa Andriamanitra no namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny antso masina. Nanao izany Izy, tsy noho ireo asantsika, fa nohon'ny drafitra izay efa nataony sy ny fahasoavany. Na dia mbola tsy niandoha aza ny fotoana dia efa nanome antsika ireny zavatra ireny tao amin'i Kristy Jesosy Izy. <sup>10</sup> Fa ankehitriny ny famonjen'Andriamanitra dia nambara tamin'ny alalan'ny fisehoan'i Kristy Jesosy Mpanavotra antsika. Kristy izay nanafoana ny fahafatesana ary nitondra fiainana izay tsy ho tapitra mandrakizay mba hanazava amin'ny alalan'ny filazantsara. <sup>11</sup> Noho izany, dia voatondro ho mpitory teny aho, ho apostoly, ary ho mpampianatra. <sup>12</sup> Fa noho izany antony izany dia mijaly amin'ireny zavatra ireny ihany koa aho. Fa tsy menatra aho, satria fantatro Izy ilay ninoako. Resy lahatra aho fa afaka mitazona izay efa nankiniko taminy Izy mandra-pahatongan'izany andro izany. <sup>13</sup> Tazomy ny ohatra momba ireo hafatry ny finoana izay henonareo tamiko, miaraka amin'ny finoana sy fitiavana izay ao amin'i Kristy Jesosy. <sup>14</sup> Ny zavatra tsara izay nataon'Andriamanitra taminao, ambeno amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany, izay miaina ao amintsika <sup>15</sup> Fantatrareo izany, fa izay rehetra nipetraka tany Azia dia nivadika tamiko. Ao amin'io fikambanana io ireo Fizelio sy ireo Hermozena. <sup>16</sup> Enga anie ny Tompo hanome famindram-po amin'ny tokantranon'i Onesiforo, satria namelombelona ahy matetika izy ary tsy menatra tamin'ny gadrako. <sup>17</sup> Fa kosa, rehefa tany Roma izy, dia nitady ahy fatratra, ka hitany aho. <sup>18</sup> Ny Tompo anie hampiseho azy ka hahitany famindram-po avy aminy amin'izany andro izany. Ireo fomba rehetra nanampiany ahy tao Efesosy, dia fantatrareo tsara.

#### Footnotes

1:11 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sasany dia manampy hoe: "Ho an'ny Jentilisa."

#### 2 Timothy 1:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Amin'ity boky ity, raha tsy hoe nasiana fanamarihana, ny teny hoe "isika" dia maneho an'i Paoly sy Timoty (ilay iray izay nanoratana ity taratasy ity), tahaka an'ireo mpino rehetra.

#### Paoly

Ny fiteninao dia mety manana fomba manokana hampidirana ny mpanoratra ny taratasy. DH:  
"Izaho, Paoly, dia manoratra ity taratasy ity."

**tamin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra**  
"nohon'ny sitrapon'Andriamanitra" na "Satria Andriamanitra nitady izany." Paoly dia tonga apostoly satria tian'Andriamanitra ho aposotoly izy fa tsy nohon'ny nifidianan'ny olombelona azy.

#### araka ny

Ireo mety ho dikany: 1) "ho an'ny tanjon'ny." Izany dia midika fa Andriamanitra nanondro an'i Paoly mba hilaza ny hafa momban'ny fampanantenan'Andriamanitra ny fiainana ao amin'i Jesosy na 2) "amin'ny fitazonana ny." Izany Ity dia

midika fa tahaka ny fampanantenan'Andriamanitra fa Jesosy manome ny fiainana, dia nanao an'i Paoly ho apostoly izy.

#### **ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy**

Paoly dia milaza momban'ny "fiainana" tahaka ny hoe zavatra ao anatin'ijesosy. Ity dia maneho ny fiainana raisin'ny olona izay vokatry ny maha-an'i Kristy. DH: "ny fiainana izay raisintsika vokatry ny maha-an'i Kristy"

#### **zanaka tiana**

"ry zaza malala" na "zanaka izay tiako. Timoty dia niova fo tamin'ny alalan'i Paoly, ka noho izany dia nanao azy ho toy ny zanany Paoly. DH: "izay toy ny zanaka malalako"

#### **Fahasoavana, fiantrana, ary fiadanana avy amin'**

"Ny fahasoavana, fiantrana, ary ny fiadanana anie ho anareo avy amin'ny" na "hiaina hatsaram-panahy, fahasoavana, fiantrana, ary fiadanana ao anatin'ny anie ianao avy amin'ny"

#### **Andriamanitra ilay Ray**

"Andriamanitra, izay Raintsika". Ity dia fiantsoana manan-danja an'Andriamanitra.

#### **sy Kristy Jesosy Tompontsika**

"Ary Kristy Jesosy, izay Tompontsika"

## **2 Timothy 1:3**

#### **izay tompoiko avy amin'ireo razambeko**

"Izay tompoiko tahaka ny nataon'ireo razambeko"

#### **miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio**

Paoly dia miresaka momban'ny feon'ny fieritreretana tahaka ny hoe mety hadio ara-batana izany. Izany dia midika fa ny olona iray dia tsy mahatsiaro ho meloka satria niezaka nanao izay marina mandrakariva izy. DH: "Nahafantarana fa nanao ny mafy indrindra vitako aho mba hanao ny marina"

#### **tahaka ny hahatsiarovako anao mandrakariva**

"rehefa mahatsiaro anareo mandrakariva aho" na "rehefa mahatsiaro anareo amin'ny fotoana rehetra aho"

#### **andro aman'alina**

Eto ny hoe "alina sy andro" dia nampiasaina miaraka mba hilazana ny hoe "mandrakariva." DH: "Mandrakariva" na "foana"

#### **maniry mafy ny hahita anao aho**

"te-ahita mafy anao aho"

#### **mety ho feno hafaliana aho**

Paoly dia miresaka momban'ny tenany tahaka ny hoe daba izay afaka fenoin'ny olona iray izany. DH: "Mety ho feno hafaliana aho" na "mety manana fifaliana feno aho"

#### **ny hahatsiarovako ireo ranomasonao**

Paoly dia mampiasa "ranomaso" mba hilazana fijaliana. DH: "Mahatsiaro ny zavatra rehetra izay nampijaly anao aho"

#### **Nampahatsiahivina tamiko ny finoanao**

DH: "Tadidiko ihany koa ny finoanao" na " tsaroako ihany koa ny finoanao"

#### **ny finoanao marina**

"Ny finoanao izay tena izy" na "finoanao izay tso-po"

#### **izay niaina voalohany tao amin'ny renibeanao Loisa sy ny reninao Eonisa, ary resy lahatra aho izao fa miaina ao aminao ihany koa izany**

Paoly dia miresaka momban'ny finoan'izy ireo toy ny hoe zavatra izay velona ary miaina ao amin'izy ireo. Paoly dia milaza fa manana karazana finoana mitovy izy ireo. DH: "Loisa, renibeanao, sy Eonisa, reninao, no nanana ny tena finoana voalohany, ary mahatoky aho fa ianao ihany koa dia manana ny tena finoana"

#### **Loisa... Eonisa,**

Ireo dia anaram-behivavy.

## **2 Timothy 1:6**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly dia mankahery an'i Timoty mba hiaina amin'ny hery, fitiavana, sy fitsipika ary tsy ho menatra amin'ny fijalian'i Paoly any am-ponja nohon'ny finoany (finoan'i Paoly) an'i Kristy.

#### **Izany no antony**

"noho izany antony izany" na "nohon'ny finoanareo marina an'i Kristy"

#### **hampiasanao indray ny fanomezan' Andriamanitra**

Paoly dia miresaka momban'ny filàn'i Timoty hanomboka ny fampiasana ny fanomezany indray toy ny hoe mamerina mandehitra afo. DH: "Mba hanomboka hampiasa ny fanomezana indray"

#### **ny fanomezan'Andriamanitra ao aminao amin'ny alalan'ny fametrahako tanana**

"ny fanomezan'Andriamanitra izay noraisinareo tamin'ny alalan'ny fametrahako ny tanana" Izany doia milaza ny lanonana izay nametrahana'i Paoly tanana teo amin'ny Timoty ary nivavaka Fa Andriamanitra dia hamela azy hanao ny asa izay nodidiny ho atao.

#### **Fa Andriamanitra**

"Satria Andriamanitra"

#### **Fa Andriamanitra tsy nanome fanahin'ny tahotra antsika, fa ny hery sy fitiavana ary fifehezan-tena.**

Ireo mety ho dikany: 1) ny "fanahy" dia maneho ny "Fanahy Masina." DH: " Ny Fanahy Masin' Andriamanitra dia tsy mahatonga antsika hatahotra. Mahatonga antsika hanana hery sy fitiavana ary fifehezan-tena izany" na 2) ny "fanahy" dia maneho ny toetra. DH: "Andriamanitra dia tsy



mahatonga antsika hatahotra fa mba hanana hery sy fitiavana ary fifehezan-tena"

#### **fifehezan-tena**

Ireo mety ho dikany: 1) ny hery hamehezana ny tenantsika na 2) ny hery mba hanitsiana ny olona hafa izay manao ny tsy mety.

## **2 Timothy 1:8**

#### **amin'ny fijoroana vavolombelona**

"ny fijoroana vavolombelona" na "amin'ny fitenenana ny hafa"

#### **ilay gadrany**

"voafonja nohon'ny aminy" na "voafonja satria nijoro vavolombelona momban'ny Tompo"

#### **mizarà amin'ny fahoriana ny filazantsara**

Paoly dia miresaka momban'ny fahoriany toy ny hoe zavatra izay afaka zaraina teo amin'ny olona izany. DH: "miaraka ory amiko ho an'ny filazantsara"

#### **araka ny herin'Andriamanitra**

"mamela an'Andriamanitra hanao anao ho mafy"

#### **tamin'ny antso masina**

"miaraka amin'ny antso izay manokana antsika ho olony" na "mba ho olo-masiny"

#### **Nanao izany Izy**

"namonjy sy niantso antsika Izy"

#### **tsy hoe noho ireo asantsika**

"tsy nohon'ny nanaovantsika ny zavatra rehetra mba ho mendrika an'izany"

#### **fa nohon'ny drafitra izay efa nataony sy ny fahasoavany**

"fa nohon'ny fikasany hampiseho hatsaram-panahy amintsika"

#### **Na dia mbola tsy niandoha aza ny fotoana**

"talohan'ny niandohan'izao tontolo izao" na "talohan'ny niandohan'ny fotoana"

#### **ny famonjen'Andriamanitra dia nambara**

Paoly dia miresaka momban'ny famonjena toy ny hoe zavatra izay afaka haharihary sy ampisehoina amin'ny olona izany. DH: "Andriamanitra dia nampiseho ny fomba hamonjeny antsika"

#### **tamin'ny alalan'ny fisehoan'i Kristy Jesosy Mpanavotra antsika**

"tamin'ny alalan'ny fandefasana an'i Kristy Jesosy mpamonjy antsika"

#### **izay nanafoana ny fahafatesana**

Paoly dia miresaka momban'ny fahafatesana toy ny hoe dingana tsy miankina fa tsy zava-miseho amin'ny fahafatesan'ny olona. DH: "izay nandrava ny fahafatesana" na "izay nanao izany ho azo atao amin'ny olona izay tsy mitoetra amin'ny fahafatesana mandrakizay"

#### **mba hanazava amin'ny alalan'ny filazantsara**

I Paoly dia miresaka momban'ny fampianarana ny fiainana mandrakizay tahaka ny ho zavatra izay afaka entina avy amin'ny fahamaizinana ho amin'ny fahazavana mba hahafahan'ny olona mahita izany. DH: "nampianatra momban'ny fiainana izay tsy misy fiafarany dia amin'ny alalan'ny fitoriana ny filazantsara"

#### **voatondro ho mpitory teny aho**

DH: "Andriamanitra nifidy ahy ho mpitory"

## **2 Timothy 1:12**

#### **Fa noho izany antony izany**

"Satria apostoly aho"

#### **mijaly amin'ireny zavatra ireny ihany koa aho**

Paoly dia milaza ny maha-gadra azy.

#### **mitazona izay efa nankiniko taminy Izy**

Paoly dia mampiasa sarinteny momban'ny olona misintaka amin'ny zavatra iray miaraka amin'ny olona hafa izay tokony hiaro izany mandrapameriny izany amin'ilay olona voalohany. Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia mahatoky an'i Kristy hanampy azy hitoetra am-pahatokisana na 2) I Paoly dia mahatoky fa hanome antoka Jesosy fa ny olona dia hanohy hanaparitaka ny hafatry ny filazantsara.

#### **izany andro izany**

Ity dia maneho ny andro hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra.

#### **Tazomy ny ohatra momba ireo hafatry ny finoana izay henonareo tamiko**

"tohizo ny fampianarana ny hevitra marina izay nampinariko anareo" na "ampiasao ny fomba nampianarako anareo toy ny modely hoe amin'ny fomba inona na ahoana ny tokony ampianaranareo"

#### **miaraka amin'ny finoana sy fitiavana izay ao amin'i Kristy Jesosy**

"tahaka ny fahatokisanareo an'i Jesosy Kristy sy ny fitiavanareo Azy"

#### **Ny zavatra tsara**

Ity dia maneho ny asa fitoriana tsara ny filazantsara.

#### **ambeno... izany**

Timoty dia mila mailo satria ny olona dia hanohitra ny asany, hiezaka ny anajanona azy, ary hanova izay lazainy.

#### **amin'ny alalan'ny Fanahy Masina**

"miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina"

## 2 Timothy 1:15

### **nivadika tamiko**

Paoly dia miresaka momban'ny fanatsaharan'izy ireo ny fanampiana toy ny hoe niala taminy arabatana izy iroe. Namela an'i Paoly izy ireo satria nalefan'ny fahefana tany am-ponja izy. DH: "nitsahatra nanampy ahy"

**Fizelio sy ireo Hermozena ... Onesiforo**  
Anaran-dehilahy ireo.

**amin'ny tokantranon'**  
"Amin'ny fianakaviana"

**tsy menatra tamin'ny gadrako**  
Eto ny hoe "gadrako" dia hevitra ambadika amin'ny hoe any am-ponja. Onesiforo dia tsy mentra hoe

tany am-ponja Paoly fa tonga namangy azy matetika izy. DH: "Tsy menatra hoe tany am-ponja aho"

### **Ny Tompo anie hampiseho azy ka hahitany famindram-po avy aminy**

"Onesiforo anie handray ny famindram-po avy amin'ny Tompo" na "ny Tompo anie hampiseho famindram-po aminy"

### **hahitany famindram-po avy aminy**

Paoly dia miresaka momban'ny fiantrana toy ny hoe zavatra izay mety ho hita izany.

### **amin'izany andro izany**

Ity dia maneho ny andro hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra.

## Chapter 2

<sup>1</sup> Noho izany ianao, ry zanako, mahereza ao amin'ny fahasoavana izay ao amin'i Jesosy Kristy. <sup>2</sup> Ireo zavatra renonareo avy amiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro, dia hankino amin'ny olona mahatoky izay afaka hampianatra ny sasany koa. <sup>3</sup> Mihareta zava-tsarotra miaraka amiko, toy ny miaramila tsaran'i Jesosy Kristy. <sup>4</sup> Tsy misy miaramila manompo raha mbola voafandrik'ireo rahaharan'izao fiainana izao, mba hafahany mampifaly ny lehibeny. <sup>5</sup> Ary, raha misy olona mifaninana toy ny atleta, dia tsy mandray ny satro-boninahitra izy raha tsy mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika. <sup>6</sup> Ilaina ny fandraisan'ilay mpamboly izay miasa mafy ny anjara vokatra voalohany. <sup>7</sup> Saino ny moba izay lazaiko, fa ny Tompo no hanome anareo ny fahatakarana amin'ny zavatra rehetra. <sup>8</sup> Tsarovy Jesosy Kristy, avy amin'ny taranak'i Davida, izay natsangana tamin'ireo maty. Izany dia araky ny hafatry ny filazantsarako, <sup>9</sup> izay mampijaly ahy ny amin'ny famatorana toy ny mpamono olona. Fa ny tenin'Andriamanitra dia tsy voafatotra. <sup>10</sup> Noho izany hiaretako ny zavatra rehetra ho an'ireo voafidy, mba ho afaka handray ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy ihany koa izy ireo, miaraka amin'ny voninahitra mandrakizay. <sup>11</sup> Ity teny ity dia mendripitokisana: "Raha maty niaraka taminy isika, dia ho velona hiaraka aminy ihany koa. <sup>12</sup> Raha miaritra isika, dia hanjaka hiaraka aminy ihany koa. Raha mandà Azy isika, dia handà antsika ihany koa Izy. <sup>13</sup> Raha tsy mahatoky isika, dia hahatoky foana Izy, satria tsy afaka mandà ny tenany Izy." <sup>14</sup> Ampahatsiahivo azy ireo hatrany ireo zavatra ireo. Ampitandremo eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo mba tsy hifamaly momba ireo teny. Noho io dia tsy misy zavatra ilaina. Noho io dia misy fahasimbana ho an'ireo izay mihaino. <sup>15</sup> Omeo ny tsara avy aminao mba hanoloranao tena ho an'Andriamanitra tahaka ilay ankatoavina, mpiasa izay tsy manana antony hahamenarana, izay mampianatra ny tenin'ny fahamarinana amin'ny tokony ho izy. <sup>16</sup> Hialao ny teny fanevatevana, izay mitondra tsikelikely any amin'ny faharatsimpanahy. <sup>17</sup> Ny resak'izy ireo dia hiely toy ny fery mandoaka. Eo anivon'ireo Hymeneo sy Fileto. <sup>18</sup> Izy ireo no lehilahy tsy mba nahalala ny marina. Miteny izy ireo fa ny fitsanganana amin'ny maty dia efa nitranga. Simbain'izy ireo ny finoan'ny sasany. <sup>19</sup> Na dia izany aza, ny fototra mafy orin'Andriamanitra dia mijoro. Manana ity soratra ity: "Ny Tompo dia mahafantatra ireo izay azy" ary "Izay rehetra manonona ny anaran'ny Tompo dia tsy maintsy miala amin'ny tsy fahamarinana." <sup>20</sup> Ao amin'ny tranon'ny mpanankarena, dia tsy ireo fitoeran'ny volamena sy volafotsy ihany no ao. Misy ihany koa ireo fitoeran'ny hazo sy tanimanga. Ny sasany amin'izy ireo dia ho ampiasaina amim-boninahitra, ary ny sasany ho amin'ny fanalam-baraka. <sup>21</sup> Raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ny fahafaham-baraka, dia fitoerana manan-kaja izy. Izy dia voatokana, ilain'ny Tompony, ary voaomana amin'ny asa tsara rehetra. <sup>22</sup> Mandosira an'ireo filàn'ny tanora. Mikatsaha fahamarinana, finoana, fitiavana, ary fihavanana miaraka amin'ireo izay miantso ny Tompo amin'ny fo madio. <sup>23</sup> Saingy mandàva ireo fanontaniana adala sy tsy misy fotony. Fantatrareo fa miteraka ady ireo. <sup>24</sup> Ny mpanompon'ny Tompo dia tsy tokony mifanditra. Fa kosa tsy maintsy malemy fanahy amin'ny rehetra izy, mahay mampianatra, ary maharitra. <sup>25</sup> Tsy maintsy ao amin'ny fahalemam-panahy no ampianarany ireo izay manohitra azy. Fa angamba Andriamanitra mety hanome azy ireo fibebahana ho an'ny fahalalana ny marina. <sup>26</sup> Mety hody indray ny fisainan'izy ireo ary handao ny fandriky ny devoly, rehefa avy nosamboriny tamin'ny sitrapony.

### Footnotes

2:14 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: ny dikan-teny sasany dia mivaky hoe: "Ampitandremo eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo"

## 2 Timothy 2:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia mamaritra ny fiainan'ny Kristianin'i Timoty tahaka ny fiainan'ny miaramila, tahaka ny fiainan'ny mpamboly, ary tahaka ny fiainan'ny atleta.

### ry zanako

Paoly dia nanao an'i Timoty ho toy ny zanany satria nampianatra an'i Timoty mba hino an'i Kristy izy. DH: "izay toy ny zanako"

### mahereza ao amin'ny fahasoavana izay ao amin'i Jesosy Kristy

Paoly dia miresaka momban'ny fahazotoana sy ny fanapahan-kevitra izay navelan'ny fahasaoavan'Andriamanitra hananan'ireo mpino. DH: "Aoka Andriamanitra hampiasa ny fahasoavana"

izay nomeny anareo tamin'ny alalan'ny fifandraisanareo tamin'i Jesosy Kristy mba hanao anareo ho mahery"

#### **teo anatrehan'ny vavolombelona maro**

"miaraka amin'ny vavolombelona maro teo izay manaiky fa izay voalazako dia marina"

#### **hankino amin'ny olona mahatoky**

Paoly dia miresaka momban'ireo torolalany amin'i Timoty toy ny hoe zavatra izay afaka omen'i Timoty amin'ny olona hafa ary hahatokisany azy ireo fa hampiasa izany tsara. DH: "manaiky azy ireo" na "mampianatra azy ireo"

## **2 Timothy 2:3**

#### **Mihareta zava-tsarotra miaraka amiko**

Ireo mety ho dikany: 1) "mihareta fijaliana tahaka ny niainako" na 2) "mizara amin'ny fijaliako"

#### **toy ny miaramila tsaran'i Jesosy Kristy**

Paoly dia mampitaha ny fijalian'i Jesosy Kristy amin'ny fijaliana izay hiaretan'ny miaramila tsara.

#### **Tsy misy miaramila manompo raha mbola voafandrik'ireo rahaharan'izao fiainana izao**

"Tsy misy miaramila nanompo rehefa ao anatin'ny rahararahan'ny andavanandrom-piainana izy" na "rehefa manompo ireo miaramila, dia tsy ho variana amin'ireo zavatra tsotra izay ataon'ny olona izy ireo" Ireo mpanompon'i Kristy dia tsy tokony mamela ny fiainana andavanandro hitazona azy ireo amin'ny fiasana ho an'i Kristy.

#### **mbola voafandriky**

Paoly dia miresaka momban'ity fandrembirebena ity toy ny hoe harato izay mamandrika ny olona eny am-pandehanana.

#### **ny lehibeny**

"Ilay iray izay nandrotsaka azy ho miaramila" na "ilay iray izay mibaiko azy"

#### **toy ny atleta, dia tsy mandray ny satro-boninahitra izy raha tsy mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika**

Paoly dia miresaka an'ireo mpanompon'i Kristy toy ny hoe atleta izy ireo.

#### **tsy mandray ny satro-boninahitra izy raha tsy mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika**

DH: "raha mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika ihany izy vao homen'izy ireo ny satro-boninahitra toy ny mpandresy"

#### **tsy mandray ny satro-boninahitra izy**

"tsy mahazo ny loka izy." Ny atleta tamin'ny andron'i Paoly dia nomena satro-boninahitra miaraka amin'ny fehiloa vita ay amin'ny ravin-java-maniry rehefa mandresy amin'ny fihaninana.

#### **mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika**

"mifaninana araka ireo fitsipika" na "mankatoa tanteraka ireo fitsipika"

## **2 Timothy 2:6**

#### **Ilaina ny fandraisan'ilay mpamboly izay miasa mafy ny anjara vokany voalohany**

Ity no sarinteny fahatelo izay omen'i Paoly an'i Timoty momban'ny asa. Ny mpamaky dia tokony hahazo fa ny mpanompon'i Kristy dia mila miasa mafy.

#### **Saino ny momba izay lazaiko**

Paoly dia nanome sarinteny tamin'i Timoty, fa tsy nanazava tsara ireo dikany. Nanantena an'i Timoty hahazo an-tsaina izay nolazainy momban'ireo mpanompon'i Kristy izy.

#### **fa ny Tompo**

"satria ny Tompo"

## **2 Timothy 2:8**

#### **Fampifandraisan ny foto-kevitra**

Paoly dia manome torolalana an'i Timoty ny amin'ny fomba tokony hiainana ho an'i Kristy, ahoana ny hijaliana ho an'i Kristy, ary ahoana ny hampianarana ny hafa mba hiaina ho an'i Kristy.

#### **avy amin'ny taranak'i Davida**

DH: "izay taranak'i Davida"

#### **izay natsangana tamin'ireo maty**

DH: "izay natsangan'Andriamanitra"

#### **araka ny hafatry ny filazantsarako**

Paoly dia miresaka momban'ny hafatry ny filazantsara toy ny hoe azy manokana izany. Milaza izy fa ity no hafatry ny filazantsara izay ambarany. DH: "izay araky ny hafatrin'ny filazantsara izay toriko"

#### **ny amin'ny hoe voafatotra**

Eto ny hoe "voafatotra" dia midika ny hoe any am-ponja. DH: "Ao anatin'izany ny figadrana"

#### **ny tenin'Andriamanitra dia tsy voafatotra**

Eto ny hoe "voafatotra" dia maneho ny hoe figadrana. DH: "Tsy misy olona afaka mametraka ny tenin'Andriamanitra any am-pigadrana" na "tsy misy olona afaka misakana ny tenin' Andriamanitra"

#### **an'ireo voafidy**

DH: "Ho an'ireo olona izay nofidian'Andriamanitra"

#### **mba ho afaka handray ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy ihany koa izy ireo**

Paoly dia miresaka ny famonjena toy ny hoe zavatra izay azo samborina izany. DH: "handray ny famonjena avy amin'i Jesosy Kristy"

#### **amin'ny voninahitra mandrakizay**

"ary mba ho ao aminy mandrakariva izy ireo ao amin'ny toeram-boninahitra izay misy azy"

## 2 Timothy 2:11

**Raha maty niaraka taminy isika.. tsy afaka mandà ny tenany izy**

Ity dia mitovy kokoa amin'ny hira na tononkalo izay notsongain'i Paoly.

**maty niaraka taminy**

Paoly dia mampiasa ity fomba fiteny ity mba hilazana fa mizara ny fahafatesan'i Krtisty ny olona rehefa mahatoky Azy, mandà izay irian'izy ireo, ary mankatoka Azy.

**Raha tsy mahatoky isika**

"na dia tsy nahomby tamin'Andriamanitra aza isika" na "na dia tsy manao izay hinoantsika fa tian'Andriamanitra ho ataontsika aza isika"

**tsy afaka mandà ny tenany izy**

"Tsy maintsy miasa araka ny toetrany foana Izy" na "tsy afaka miasa amin'ny fomba manohitra ny tena toetrany Izy"

## 2 Timothy 2:14

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo "mampianatra" na "ireo olona ao amin'ny fianonana"

**eo anatrehan'Andriamanitra**

Paoly dia miresaka momban'ny fahafantarana'Andriamanitra an'i Paoly toy ny hoe eo anatrehan'Andriamanitra izy. Izany dia midika fa Andriamanitra dia ho vavolombelon'i Timoty. DH: "eo anatrehan'Andriamanitra" na "miaraka amin'Andriamanitra ho vavolombelonao"

**mba tsy hifamaly momba ireo teny**

"mba tsy hifamaly amin'ny dikan'ny teny" na "mba tsy hifamaly momban'ireo zavatra adala lazain'ny olona"

**Noho io dia tsy misy zavatra ilaina**

"tsy manome tombontsoa an'iza na iza izany"

**Noho io dia misy fahasimbana ho an'ireo izay mihaino**

Ny sary dia firodanan'ny trano iray. Ireo izay maheno ny fifamaliana dia mitsahatra ny manaja ny hafatra Kristiana. Rava ny finoan'izy ireo. DH: "Ity dia manimba ny finonan'ireo izay mihaino ihany"

**mba hanoloranao tena ho an'Andriamanitra tahaka ilay ankatoavina, mpiasa izay tsy manana antony hahamenarana**

"mba hanolorana ny tenanao ho an'Andriamanitra tahaka ny olona izay noporofoina ho mendrika sy tsy misy antony mahamenatra.

**tahaka ilay ankatoavina, mpiasa**

"toy ny mpiasa lahy" na "toy ny mpiasa." Paoly dia mampiseho ny hevitr'i Timoty tsara amin'ny

fanazavana ny tenin'Andriamanitra toy ny hoe mpiasa mahay izy.

**mampianatra ny tenin'ny fahamarinana amin'ny tokony ho izy**

Eto ny hoe "teny" dia midika hoe hafatra. DH: "manazava tsara ny hafatra marina"

## 2 Timothy 2:16

**izay mitondra tsikelikely any amin'ny faharatsim-panahy**

Paoly dia miresaka momban'izany karazana fiteny izany toy ny hoe zavatra afaka mietsika amin'ny toerana hafa izany, ary miresaka momban'ny faharatsim-panahy toy ny hoe toerana hafa. DH: "Izay mahatonga ny olona ho ratsy fanahy tsikelikely"

**Ny resak'izy ireo dia hiely toy ny fery mandoaka**

Tahaka ny fery mandoaka miparitaka aingana dia aingana amin'ny vatan'ny olona iray ary manimba azy, dia hiparitaka amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa ary mandratra ny finoan'ireo izay mandre izany koa izay nolazain'ireny olona ireny. DH: "izay lazain'izy ireo dia hiparitaka toy ny areti-mifindra" na "ny tenin'izy ireo dia hiparitaka aingana ary hahatonga faharavana toy ny fery mandoaka"

**ny fery mandoaka**

"noho maty, mihintsana." Ny fomba manokana hitazonana ny fery mandoaka amin'ny fiparitahana sy famonoana ilay olona marary dia ny fanalana ny faritra voakasika.

**Hymeneo sy Fileto**

Anaran-dehilahy ireo.

**tsy mba nahalala ny marina**

Paoly dia miresaka momban'ny fahamarinana toy ny hoe tanjona izay ho tratrarina izany. Paolydia milaza fa ireo lehilahy ireo dia tsy nahalala ny fahamarinana ary mampianatra zavatra diso.

**ny fitsanganana amin'ny maty dia efa nitranga**

"Andriamanitra dia efa nanangana ireo mpino maty ho amin'ny fiainana mandrakizay"

**Simbain'izy ireo ny finoan'ny sasany**

Paoly dia miresaka momban'ny faharavan'ny finoan'ny olona toy ny hoe nazera ny finoan'izy ireo. DH: "Nosimbain'izy ireo ny finoan'ny olona sasany" na "Nahatonga ny olona hitsahatra amin'ny finoana izy ireo"

## 2 Timothy 2:19

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Tahaka ny fitoeran-javatra sarobidy sy iombonana afaka hampiasaina amin'ny fomba mendrika ao amin'ny trano manan-karena, dia afaka ampiasain'Andriamanitra amin'ny fomba feno voninahitra amin'ny fanaovana asa tsara izay olona mitodika amin'Andriamanitra .

**ny fototra mafy orin'Andriamanitra dia mijoro**  
Ireo mety ho dikany: 1) "ny fahamarinan' Andriamanitra dia toy ny fototra mafy orina" na 2) "Andriamanitra dia nanorina ny olony toy trano amin'ny fototra tsara orina na "3) "ny fahatokisan' Andriamanitra dia toy ny fototra mafy orina."  
Amin'ny tranga rehetra, dia miresaka ny heviny toy ny fanorenan-trano natao teo amin'ny tany Paoly.

**Izay rehetra manonona ny anaran'ny Tompo**  
"Izay miantso ny anaran'ny Tompo." Eto ny hoe "anaran'ny Tompo" dia maneho ny Tompo tenany ihany. DH: "izay miantso ny Tompo" na "izay milaza fa izy dia mpino ao amin'i Kristy"

**miala amin'ny tsy fahamarinana**  
Paoly dia miresaka ny tsy fahamarinana toy ny hoe toerana afaka hiainantsika izany. DH: "atsaharo ny faharatsiana" na "atsaharo ny fanaovana ireo zavatra ratsy"

**ireo fitoeran'ny volamena sy volafotsy... ireo fitoeran'ny hazo sy tanimanga**  
Eto ny hoe "fitoerana" dia teny ankapobeny amin'ny vilia baolina, vilia ary vilany, izay ametrahan'ny olona sakafo na zava-pisotro ao anatiny na eo amboniny. Paoly dia mampiasa ity toy ny sarinteny mba hamaritana ireo karazan'olona.

**ampiasaina am-boninahitra...amin'ny fanalam-baraka**  
Ireo mety ho dikany: 1) "fotoana manokana... fotoana tsotra" na 2) " ireo karazana fiaraha-mientana ataon'ny olona ampahibemaso ... Ireo karazana fiaraha-mientana ataon'ny olona antsokosoko."

**manadio ny tenany ho afaka amin'ny fahafaham-baraka**  
Ireo mety ho dikany: 1) "manasaraka ny tenany amin'ny olona tsy mendrika" na 2) manao ny tenany ho madio." Amin'ny tranga rehetra, Paoly dia miresaka momban'ity dingana ity toy ny hoe olona manasa ny tenany.

**fitoerana manan-kaja izy**  
Paoly dia miresaka momban'ity olona ity toy ny hoe fitoerana manan-kaja. DH: "Izy dia toy ny fitoerana izay azo ampiasaina amin'ny fotoana manokana" na "izy dia toy ny fitoerana izay azo ampiasaina amin'ny fiaraha-mientana izay ataon'ny olona tsara ampahibemaso"

**Izy dia voatokana, ilain'ny Tompony, ary voaomana amin'ny asa tsara rehetra**  
DH: "Ny Tompo dia manokana azy, ary vonona ho ampiasain'ny Tompo amin'ny asa tsara rehetra izy"

**Izy dia voatokana**  
Tsy natokana ara-batana izy na amin'ny hevitra ny toerana, fa kosa mba hanatanteraka ny tanjona.

## 2 Timothy 2:22

**Mandosira an'ireo filàn'ny tanora**  
Paoly dia miresaka momban'ny filàn'ny tanora toy ny hoe olona mampidi-doza na biby izay tokony handosiran'i Timoty izany. DH: "Andosiro tanteraka ireo filàn'ny tanora" na "aza manaiky ny hanao ireo zavatra ratsy izay hirian'ny olona tanora hatao mafy mihintsy"

**Mikatsaha fahamarinana**  
Eto ny hoe "mikatsaha" dia mifanohitra amin'ny hoe "Mandosira." Paoly dia miresaka momban'ny fahamarinanana toy ny hoe zavatra tsara izay hanao an'i Timoty ho tsara ka mba hihazakazaka amin'izany izy. DH: "hezaho ny tsara indrindra aminao mba hahazoana ny fahamarinana"na "tadiavo ny fahamarinana"

**miaraka amin'ireo**  
Ireo mety ho dikany: 1) Paoly dia maniry an'i Timoty mba hiaraka amin'ireo mpino hafa rehetra amin'ny fanenjehana ny fahamarinana , finoana, fitiavana, ary fiadanana, na 2) Paoly dia maniry an'i Timoty mba hiadana ary tsy hifamaly amin'ireo mpino hafa.

**ireo izay miantso ny Tompo**  
Eto ny hoe "miantso ny Tompo" dia fomba fiteny izay midika hoe mahatoky sy midera ny Tompo. DH: "Ireo izay midera ny Tompo"

**amin'ny fo madio**  
Paoly dia miresaka momban'ireo antony hiantsoana an'Andriamanitra toy ny hoe antony ara-batana izany, mivoaka avy ao am-pony. DH: "amin'ny antony tsara"

**fo madio**  
Paoly dia miresaka momban'ireo antony tsara amin'ny fanaovana zavatra iray toy ny hoe avy ao am-po izay madio ara-batana izany.

**mandàva ireo fanontaniana adala sy tsy misy fotony**  
"mandàva ny hamaly ireo fanontaniana adala sy tsy misy fotony." Paoly dia milaza fa ny olona izay mametraka fanontaniana toy izany dia adala sy tsy misy fotony. DH: "aza mety mamaly ireo fanontaniana izay tian'ireo olona adala tsy te-hahalala ny marina anontaniana"

**fa miteraka ady ireo**  
Paoly dia miresaka momban'ireo fanontaniana tsy misy fotony toy ny hoe vehivavy miteraka izany. DH: "mahatonga fifamaliana ireo"

## 2 Timothy 2:24

**ao amin'ny fahalemem-panahy**  
"fanekena amim-pahatsorana" na "moramora"

**no ampianarany**  
"no hanitsianay ireo"

**Fa angamba Andriamanitra mety hanome azy ireo  
fibeabana**

Paoly dia miresaka momban'ny fibeabana toy ny hoe zavatra izay afaka omen'Andriamanitra ny olona izany. DH: "Andriamanitra dia mety hanome azy ireo ny fahafahana hibeabaka"

**ho an'ny fahalalana ny marina**  
"mba hafantaran'izy ireo ny marina"

**Mety hody indray ny fisainan'izy ireo**

Paoly dia miresaka momba ireo mpanota mianatra ny hieritreritra tsara momban' Andriamanitra toy ny hoe olona mamamo izy ireo ka mety hody indray ny

fisainan'izy ireo. DH: "Mety hieritreritra tsara indray izy ireo"

**ary handao ny fandriky ny devoly**

Paoly dia miresaka momban'ny fahaizan'ny devoly mandresy lahatra ireo Kristiana mba hanota toy ny hoe fandrka izany. DH: "ary hatsaharo ny fanaovana izay irian'ny devoly atao"

**rehefa avy nosamboriny tamin'ny sitrapony**

Paoly dia miresaka momban'ny devoly raha mandresy lahatra ireo Kristiana hanota izy toy ny hoe nosamboran'ny devoly izy ireo ary natao ho andevo. DH: "taorian'ny namitahany azy ireo mba hankatoa ny sitrapony"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Fa fantaro izao: amin'ireo andro farany dia hisy ireo fotoan-tsarotra. <sup>2</sup> Satria ny olona ho tia tena, tia vola, ho mpirehareha, ho mpandoka tena, ho mpanevateva an'Andriamanitra, tsy manoa ray aman-dreny, tsy misaotra, ary tsy masina. <sup>3</sup> Tsy hanam-pitiavana ny fianakaviany izy ireo, mpanohitohitra, ho mpanendrikendrika, tsy hahafehy tena, hahery setra, tsy ho tia ny tsara. <sup>4</sup> Ho mpamadika izy ireo, tsy misy eritreritra, mpanambony tena, tia fahafinaretana mihoatra noho ireo tia an'Andriamanitra. <sup>5</sup> Hanana ny toetra toy ny an'Andriamanitra izy ireo, kanefa dia handà ny heriny. Mialà amin'ireny olona ireny. <sup>6</sup> Satria ny sasany tamin'ireo dia ireo lehilahy izay miditra ao an-tokantrano ary mambabo ireo vehivavy adala. Ireo no vehivavy izay tsy afaka amin'ny fahotana sy voatarika amin'ireo filàna samihafa. <sup>7</sup> Ireo vehivavy ireo dia mianatra foana, kanefa tsy ho tonga amin'ny fahafantarana ny fahamarinana mihitsy. <sup>8</sup> Tahaka izany ihany koa i Jana sy i Jambra nitsangana nanohitra an'i Mosesy. Tamin'izany dia nitsangana ihany koa ireo mpampianatra sandoka ireo hanohitra ny marina. Izy ireo dia lehilahy simba fisainana, tsy nankasitrahana tamin'ny finoana. <sup>9</sup> Fa tsy handroso lavitra izy ireo. Satria ny hadalany dia ho hita mazava amin'ny olona rehetra, tahaka ny an'ireo lehilahy ireo. <sup>10</sup> Fa raha ianareo kosa, dia efa nanaraka ny fampianarako, ny fitondrana, ny fikasana, ny finoana, ny faharetam-po, ny fitiavana, ny faharetana, <sup>11</sup> ireo fanenjarahana, ireo fijaliana, ary izay nitranga tamiko tany Antiokia, tany Ikonioma ary tany Lystra. Niharitra ireo fanenjarahana aho. Avy amin'ireo rehetra ireo, dia namonjy ahy ny Tompo. <sup>12</sup> Izay rehetra tehiaina araka ny fomban'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy dia ho enjehina. <sup>13</sup> Ireo olon-dratsy sy ireo mpisandoka dia ho any amin'ny ratsy kokoa hatrany. Izy ireo dia hitarika ireo olon-kafa ho any amin'ny lalan-diso. Ary izy ireo tenany dia ho voatarika amin'izany. <sup>14</sup> Fa raha ianareo kosa, mitoera ao amin'ireo zavatra izay efa nianaranareo sy izay efa ninoanareo mafy hoe avy amin'iza no efa nianaranareo. <sup>15</sup> Fantatrarao fa hatramin'ny fahazazana dia efa nahalala ireo asa soratra masina ianareo. Ireo dia hahavita hampahendry anareo ho amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy. <sup>16</sup> Ny Soratra Masina rehetra dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Izany dia tombony ho an'ny fotom-pampianarana, ho an'ny fanondroana ireo diso, ho an'ny fanitsiana, ary ho an'ny fampiofanana amin'ny fahamarinana. <sup>17</sup> Izany dia mba hahatonga ny lehilahin'Andriamanitra hahay tsara, sy ho voamana tanteraka amin'ny asa tsara rehetra.

### 2 Timothy 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia namela an'i Timoty ahafantatra fa any aoriana any dia hiala amin'ny marina ny olona; ary na dia hisy fanenjarahana aza, afaka miankina amin'ny soratra masin'Andriamanitra izy.

#### amin'ireo andro farany

Ireo mety ho dikany dia 1) Fotoana aorian'ny andron'i Paoly izany. DH: "any aoriana any mialohan'ny fiverenan'i Kristy" na 2) izany dia manambara ny vaninandro Kristiana, ao anatin'izany ny andron'i Paoly. DH: "amin'izao fotoana izao, mialohan'ny farany"

#### fotoan-tsarotra

Ireo no andro, volana, na ny taona izay hiaretan'ny Kristiana fijaliana sy loza.

#### tia tena

Eto ny "tia" dia ilazana ny fitiavana ara-pirahalaliana na fitiavana ny namana na isan'ny ao amin'ny fianakaviany, fitiavan'ny olombelona misy eo amin'ireo mpinamana sy ireo mpihavana. Tsy ilay karazana fitiavana avy amin'Andriamanitra izany."

#### mpirehareha

miresaka momban'ny tenany amin'ny fireharehana

#### Tsy hanam-pitiavana

"tsy mitia ny fianakavian'izy ireo akory"

#### mpanohitohitra

"tsy manaiky an'iza na iza" na "tsy miaina am-pihavanana amin'iza na iza"

#### mpanendrikendrika

"ireo mpiampanga lainga"

#### hahery setra

"masiaka" na "matetika manao zavatra handratrana olona hafa"

#### tsy ho tia ny tsara

"mpankahala ny tsara"

#### tsy misy eritreritra

"maimaika" na "tsy mitandrana." Midika hoe manao zavatra tsy am-piheverana ny mety ho vokatr'izany.

#### mpanambony tena

"mihevitra fa izy ireo dia tsara kokoa noho ny olona hafa"



## 2 Timothy 3:5

### Hanana ny toetra toy ny an'Andriamanitra

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra manana endrika ny toetra araka an'Andriamanitra sy fahazarana manome voninahitra Azy. DH: "miseho amin'ny toetra araka an'Andriamanitra" na "miseho ho manome voninahitra an'Andriamanitra"

### handà ny heriny

Resahin'i Paoly toy ny hoe zavatra manana hery ny toetra araka an'Andriamanitra. Ireo mety ho dikany 1) "handà ny hanaiky ny hery izay tena tian'Andriamanitra omena azy ireo" na 2) "ny fiainan'izy ireo dia tsy hanamporofo ny toetran'Andriamanitra izay lazaina izy ireo fa hananany."

### Mialà amin'ireny

I Paoly dia miresaka momba ny fialana ara-batana amin'ireny olona ireny, saingy amin'ny ankapobeny dia maniry ireo mpamaky izy mba hanao izay rehetra azo atao mba hialana amin'ireny. DH: "hiala amin'ireny olona ireny"

### vehivavy adala

"ireo vehivavy malemy ara-panahy." izany dia satria izy ireo dia tsy nahomby tamin'ny fahatongavana ho araka ny toetran'Andriamanitra na satria izy ireo dia malaina sady be fahotana.

### izay tsy afaka amin'ny fahotana

Ireo mety ho dikany 1)"izay manota matetika" na 2) izay mahatsiaro tena ho meloka satria nanohy ny fahotana." Ny hevitra tiana haseho amin'zany dia hoe afaka misarika moramora ireo vehivavy ireo lehilahy ireo satria tsy afa-mitsahatra ny hanota ireo vehivavy ireo.

### voatarika amin'ireo filàna samihafa

Resahin'i Paoly toy ny hoe afaka mitarika olona hafa ireo filàna samihafa. DH : "ary izy ireo dia maniry ny hanota amin'ny fomba maro fa tsy hankatoa an'i Kristy"

## 2 Timothy 3:8

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

I Paoly dia manome ohatra ny amin'ny ireo mpampianatra sandoka tamin'ny andron'i Moesy ary mampifandray izany amin'ny olona ho avy. Mankahery an'i Timoty mba hanaraka ny ohatr'i Paoly ary hitoetra amin'ny tenin'Andriamanitra izy.

### Jana sy i Jambra

Ireo anarana olona roa ireo dia ato amin'ny Baiboly ihany no ahitana azy. Misy miantso azy ireo hoe mpanao ody Egyptiana izay nanohitra an'i Mosesy tao amin'ny Eksodosy.

### nitsangana...hanohitra

Resahin'i Paoly toy ny hoemitsangana manohitra azy ireo ny olona izay mifamaly amin'ny olona iray hafa. DH: "nanohitra"

### hanohitra ny marina

"manohitra ny filazantsara an'i Jesosy"

### ireo dia lehilahy simba fisainana

"Izy ireo dia tsy afaka ny hihevitra tsara"

### tsy nankasitrahana tamin'ny finoana

Notsapaina tamin'ny fomba nitokina'izy ireo tamin'i Kristy sy ny fankatoavana Azy izy ireo, ary tsy nahomby tamin'ny fitsapana. DH: "tsy manana finoana marina" na "ary voaporofa fa ny finoan'izy ireo dia tsy tena izy"

### tsy handroso lavitra izy ireo

I Paoly dia mampiasa fomba fiteny momban'ny fihetsehana ara-batana mba hilazana fa ireo mpampianatra sandoka dia tsy hahomby velively eo amin'ireo mpino. DH: "tsy hahomby velively izy ireo"

### hadalany

"tsy fahampian-tsaina" na "fahadalana"

### hita mazava

"mora fantatra"

### ireo lehilahy ireo

"i Jana sy i Jambra"

## 2 Timothy 3:10

### ianareo ... nanaraka ny fampianarako

Ataon'i Paoly toy ny hoe manaraka azy ireo rehefa mandeha ny fandinihana tsara ireo zavatra ireo. DH: "nandinika ianareo" na "nandinika tsara ny fampianarako ianareo"

### Fampianarana

"torolalana"

### fitondrana

"Fomba fiaina"

### ny faharetam-po

"faharetana amin'ny olona"

### faharetana

"fiaretana manoloana ny zava-tsarotra"

### Avy amin'ireo rehetra ireo, dia namonjy ahy ny Tompo

Ataon'i Paoly toy ny hoe noesorin'Andriamanitra tamin'ny toerana iray izy rehefa nampitsaharin'Andriamanitra tamin'ny fiaretana fijaliana sy loza.

**hiaina araka ny fomban'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy**

"mba hiaina ny fiainana araka ny toetran'Andriamanitra tahaka ny mpanara-dia an'i Jesosy"

**dia ho enjehina**

Azo atao hoe DH: "dia tsy maintsy hiaritra fanenjarahana"

**mpisandoka**

"ireo mpamitaka" na "ireo olona izay mihambo ho hafa noho ny tena izy"

**ho any amin'ny ratsy kokoa hatrany**

"Hiha-ratsy kokoa"

**hitarika ireo olon-kafa ho any amin'ny lalan-diso**

"hahatonga ny olona tsy hankatoa an'i Kristy"

**izy ireo tenany dia ho voatarika amin'izany**

Azo atao hoe DH: "ary ireo olona hafa dia hahatonga azy ireo tsy hankatoa an'i Kristy"

## 2 Timothy 3:14

**mitoera ao amin'ireo zavatra izay efa nianaranareo**

Ataon'i Paoly toy ny hoe toerana izay afaka hijanonan'i Timoty ny fampianarana ara-baiboly. DH: "aza manadino izay nianaranareo ianareo" na "tohizo ny fampiharana izay efa nianaranareo"

**soratra masina ianareo. Ireny dia ahavita hampahendry anareo ho amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy.**

Ataon'i Paoly toy ny hoe olona iray izay afaka manome fahendrena ny olona iray hafany ny soratra masina . DH: "fa rehefa mamaky ny tenin'Andriamanitra ianareo, dia hanjary hanampahendrena mba hahazahoana famonjena avy amin'i Kristy Jesosy amin'ny finoana"

## 2 Timothy 3:16

**Ny Soratra Masina rehetra dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra**

"Ny soratra masina rehetra dia bitsik'Andriamanitra." Izany dia midika fa Andriamanitra dia nanao ny soratra masina tamin'ny alalan'ny Fanahy izay manoro ny olona izay tokony ho soratana. Azo atao hoe DH: "Andriamanitra nilaza ny soratra masina rehetra tamin'ny alalan'ny Fanahiny"

**Izany dia tombony**

"tena ilaina izany" na "ahazoana tombony izany"

**ho an'ny fanitsiana**

"fanitsiana ireo diso"

**ho an'ny fampiofanana amin'ny fahamarinana**

"ho fampianarana ny olona mba ho marina"

**ny lehilahin'Andriamanitra**

Ilazana ny mpino ao amin'Andriamanitra na lahy na vavy io. DH: "ireo mpino rehetra"

**hahay tsara, sy ho voamana**

"mba ho vonona tanteraka"

## Chapter 4

<sup>1</sup> Izaho dia manome ity didy hentitra ity eo anatrehan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny fisehoany sy ny fanjakany: <sup>2</sup> Mitoria ny Teny. Mivononà na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana. Mananàra, mitenena mafy, mampirisihy, amim-paharetana sy ny fampianarana rehetra. <sup>3</sup> Satria ho avy ny fotoana izay tsy hazakan'ny olona ny feon'ny fampianarana. Fa kosa, izy ireo dia hisafidy mpampianatra ho azy araka ireo faniriany manokana. Ireo dia hanitikitika ny sofin'izy ireo. <sup>4</sup> Hanala ny fihainoan'izy ireo amin'ny fahamarinana ireo, ary hivily ho any amin'ireo angano. <sup>5</sup> Kanefa ianareo, eritrereto tsara ny zava-drehetra. Hiareto ny zava-tsarotra; ataovy ny asan'ny evanjelista; tanteraho ny fanompoanareo. <sup>6</sup> Satria efa ho atolotra sahady aho. Efa tonga ny fotoana hialako. <sup>7</sup> Izaho dia efa nahavita ny ady tsara; efa nahavita ny hazakazaka aho; efa notazomiko ny finoana. <sup>8</sup> Ny satro-boninahitry ny fahamarinana dia efa voatokana ho ahy, izay homen'ny Tompo, ilay mpitsara marina, ho ahy amin'izany andro izany, ary tsy ho ahy irery ihany, fa ihany koa ho an'ireo rehetra izay efa nitia ny fisehoany. <sup>9</sup> Omeo izay tsara rehetra avy aminao mba hankanesana aty amiko haingana. <sup>10</sup> Satria i Demasy efa nandao ahy. Tiany izao tontolo izao ary efa nandeha tany Tesalonika izy. Kreska dia nankany Galatia, ary Titosy nankany Dalmatia. <sup>11</sup> Lioka irery ihany no miaraka amiko. Alaivo i Marka ary ento izy miaraka aminao satria ilaiko amin'ny asa izy. <sup>12</sup> Tykiko dia nalefako tany Efesosy. <sup>13</sup> Ilay lamba izay navelako tao Troasy miaraka amin'ny Karpo, ento iny rehefa tonga ianao, ary ireo boky, indrindra ireo mifono hoditra. <sup>14</sup> Aleksandro ilay mpanefy varahina dia nampiharihary asa ratsy maro tamiko. Ny Tompo dia hamaly azy araka ireo asany. <sup>15</sup> Ianao ihany koa dia tokony hitandrana ny tenanao aminy, satria izy dia manohitra mafy ireo teninay. <sup>16</sup> Tamin'ny fiarovan-tenako voalohany, tsy nisy nanohana ahy. Nefa kosa, ny olona rehetra nandao ahy. Aoka mba tsy ho voaheloka amin'izany izy ireo. <sup>17</sup> Fa ny Tompo dia nitsangana teo anilako ary nankahery ahy mba, amin'ny alalako, ny fanambarana dia afaka tanterahina tanteraka, ary mba afaka haheno ireo Jentilisa rehetra. Izaho dia avotra tamin'ny vavan'ny liona. <sup>18</sup> Ny Tompo dia hanavotra ahy amin'ny asa ratsy rehetra ary hamonjy ahy amin'ny fanjakany any an-danitra. Ho azy anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena. <sup>19</sup> Ataovy veloma i Prisila, i Akoila, ary ireo ankohonan'i Onesiforosy. <sup>20</sup> Erasto dia nitoetra tao Korinto, fa i Trofimo dia nilaozako fa narary ao Mileto. <sup>21</sup> Omeo izay tsara indrindra avy aminao mba ahatongavana alohan'ny ririnina. Manao veloma anao i Eolobolo, ary Poda ihany koa, Lino, Klaudio, ary ireo rahalahy rehetra. <sup>22</sup> Hiaraka amin'ny fanahinao anie ny Tompo. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

### 2 Timothy 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mampatsiahy an'i Timoty hatrany i Paoly mba ho mahatoky, ary ambarany fa vonona ho faty izy.

**ity didy entitra ity**  
"didy matotra"

**eo anatrehan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy**  
"eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy." Mandroso hevitra izany fa Andriamanitra sy Jesosy no vavolombelon'i Paoly. DH: "miaraka amin'Andriamanitra sy i Kristy Jesosy ho vavolombeloko"

**ny velona sy ny maty**  
Eto ny "velona" sy ny "maty" dia miara-ampaisaina mba hilazana ny olona rehetra. DH: "Ny olona rehetra izay efa velona"

**ary noho ny fisehoany sy ny fanjakany**  
Eto ny "fanjakana" dia ilazana ny fanapahan'i Kristy amin'ny maha-mpanjaka Azy. DH: "rehefa miverina mba hanapaka amin'ny maha mpanjaka Azy Izy"

#### ny Teny

Eto ny "teny" dia entina ilazana ny hafatra. DH: "ny hafatra momba an'i Kristy"

#### tsy amin'ny fotoanany

Eto ny hevitra ny hoe "fotoanany" dia efa fantatra. DH: "rehefa tsy mety izany"

#### Mananàra

"Lazao amin'ny olona rehefa meloka izy ireo" na "lazao amin'ny olona izay tsy nety nataon'izy ireo"

#### mamporisihy, am-paharetana sy amin'ny fampianarana rehetra

"mamporisihy, mampianara ny olona, ary manàna faharetana mandrakariva amin'izy ireo"

### 2 Timothy 4:3

#### Satria ho avy ny fotoana

"Satria any aoriana any"

#### ny olona

Izany dia maneho ireo olona ireo dia ho isan'ny fivondronan'ny mpino.

**tsy hazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema**  
 "tsy haniry haheno ny feon'ny fampianarana"

**ny fampianarana tsy misy kilema**

Izany dia ilazana ny fampianarana izay marina, araka ny tenin'Andriamanitra.

**izy ireo dia hisafidy mpampianatra ho azy araka ireo faniriany manokana**

DH: "izy ireo dia hihaino ireo mpampianatra maro izay manome toky azy ireo fa tsy misy maha-diso ny filan-dratsin'izy ireo"

**Ireo dia hanitikitika ny sofin'izy ireo**

Io dia fomba fiteny izay midika fa hankafy hihaino fampianarana hafa sy vaovao ny olona. DH: "amin'izany, izy ireo dia hitady zava-baovao sy hafa hianarana"

**Hanala ny sofiny amin'ny fahamarinana izy ireo**

Ataon'i Paoly toy ny hoe miala lavitra mba tsy handre mihitsy ireo olona izay tsy liana intsony. DH: "tsy hitandrina ny marina intsony izy ireo"

**ary hivily ho any amin'ireo angano**

Ataon'i Paoly toy ny hoe mitodika amin'ny angano mihitsy ny olona manomboka liana amin'ny anganongano. DH: "ho liana amin'ny fampianarana izay tsy marina izay ireo"

**eritrereto tsara**

Tian'i Paoly ireo mpamaky mba hihevitra tsara momba ny zava-drehetra, ary ataon'i Paoly toy ny hoe tiany ho vori-saina tsara izy ireo fa tsy mamondivay. DH: "mihevitra tsara"

**ny asan'ny evanjelista**

Izany dia midika filazana amin'ny olona ny amin'ny hoe iza i Jesosy, inona no nataony ho azy ireo, ary ahoana no tokony ho fomba hiainan'izy ho Azy.

## 2 Timothy 4:6

**Satria efa ho atolotra sahadry aho**

I Paoly dia miresaka momban'ny fahavononany ho faty tahaka ny hoe kapoaka divay izay hararaka ho fanatitra ho an'Andriamanitra.

**Efa tonga ny fotoana hialako**

Eto ny teny hoe "hialako" dia fomba mihaja ilazana ny fahafatesana. DH: "tsy ho ela dia ho faty aho ary hiala amin'izao tontolo izao"

**Izaho dia efa nahavita ny ady tsara**

I Paoly dia miresaka momban'ny asa mafiny tahaka ny hoe atelta iray mifaninana mba hahazo ny loka izany. DH: "nanao ny tsara indrindra vitako aho"

**efa nahavita ny hazakazaka aho**

I Paoly dia miresaka momban'ny fiainany amin'ny fanompoana an'Andriamanitra tahaka ny hoe nihazakazaka tamin'ny fihazakazaka tamin'ny

tongotra izy. DH: "Efa nahita izay tokony nataoko aho"

**notazomiko ny finoana**

I Paoly dia miresaka momban'ny fahatokisana an'i Kristy sy ny fankatoavana an'Andriamanitra tahaka ny hoe zavatra manan-danja izay afaka hazoniny ho azy izany. Ireo mety ho dikany 1) Izaho dia nahatoky tamin'ny fanaovana ny asa fanompoako" na 2) "nitazona ny fampianarana momban'izay hinoantsika avy amin'ny fahadisosaana aho"

**Ny satro-boninahitry ny fahamarinana dia efa voatokana ho ahy**

Azo atao hoe DH: "Andriamanitra dia nanokana ny satro-boninahitry ny fahamarinana ho ahy"

**Ny satro-boninahitry ny fahamarinana**

Ireo mety ho dikany 1) ny satro-boninahitra no loka omen'Andriamanitra ny olona izay niaina tamin'ny fomba marina na 2) ny satro-boninahitra dia sarinteny maneho ny fahamarinana. Toy ny fanomezan'ny mpitsara ny hazakazaka satro-boninahitra ho an'ny mpandresy, rehefa tapitra ny ain'i Paoly, dia hanambara Andriamanitra fa marina i Paoly.

**Ny satro-boninahitry**

Fehiloahy iray vita tamin'ny ravina zava-maniry izay nomena ny mpandresy amin'ny fifaninanana hazakazaka.

**izany andro izany**

"Amin'izany andro izany rehefa miverina indray ny Tompo" na "amin'ny andro hitsaran'Andriamanitra ny olona"

**fa ihany koa ho an'ireo rehetra izay efa nitia ny fisehoany**

Ataon'i Paoly toy ny hoe efa niseho ireo tranga ireo. Izany dia afaka lazaina toy ny tranga mbola ho avy. DH: "fa homeny ho an'ireo izay miandry fatratara ny fiverenany ihany koa izany"

## 2 Timothy 4:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Miresaka momba ny olona voafaritry sy ny fitondran-tenan'izy ireo, ary momba ny asan'Andriamanitra taminy i Paoly, ary avy eo dia mamarana amin'ny fanaovam-beloma ny olona sy avy amin'ny olona sasany.

**haingana**

"Faran'izay hiangana"

**Demasy... Kreska... Titosy**

Anaran-dehilahy ireo.

**izao tontolo izao**

Eto "izao tontolo izao" dia ilazana ireo zavatra araka an'izao tontolo izao izay manohitra ireo zavatr'Andriamanitra. Ireo mety ho dikany dia 1) tiany ny fampiononana vonjimaika eto amin'ity tany

ity na 2) matahotra ny ho faty izy raha mijanona miaraka amin'i Paoly.

**Kreska dia nankany... ary Titosy nankany**

Ireo lehilahy roa ireo dia nandao an'i Paoly, fa tsy milaza i Paoly fa "tia an'izao tontolo izao" koa tahaka an'i Demasy izay ireo.

**Dalmatia**

Anarana tany ao amin'ny faritra iray izany.

**2 Timothy 4:11**

**ilaiko amin'ny asa izy**

Ireo mety ho dikany dia 1) "afaka manampy ahy amin'ny asa fanompoana izy" na 2) "afaka manampy ahy amin'ny fanompoana ahy izy."

**lamba**

lamba mavesatra anaovana ivelan'ny akanjo

**Karpo**

Anarana lehilahy iray izany.

**ireo boky**

Io karazam-boky io dia horonan-taratasy lava vita amin'ny ravin-kazo na hoditra. Aorian'ny fanoratana ny horonan-taratasy na ny famakiana izany, dia ahoin'ny olona amin'ny alalan'ny fampiasana hazo kely eo amin'ny sisiny izany.

**mifono hoditra**

Azo adika hoe DH: "indrindra ireo vita tamin'ny hodi-biby"

**2 Timothy 4:14**

**Aleksandro**

Anarana lehilahy iray io.

**Izany dia anarana lehilahy iray.**

"izay miasa manefy vy"

**nanisy asa ratsy maro tamiko**

Ataon'i Paoly toy ny hoe haharihary ny fanaovana asa ratsy. DH: "nanao zavatra ratsy maro tamiko"

**Ny Tompo dia hamaly azy araka ireo asany**

"hanasazy azy ny Tompo nohon'ny zavatra nataony"

**azy**

Manondro an'i Aleksandro io.

**manohitra mafy ireo teninay**

Eto "ireo teny" dia entina ilazana ny hafatra na fampianarana. DH: "manohitra ny hafatra izay ampianarinay"

**Tamin'ny fiarovan-tenako voalohany**

"Rehefa niseho voalohany tany amin'ny fitsarana aho ary nanazava ireo asako"

**sy nisy nanohana ahy**

"tsy nisy olona nijanona niaraka tamiko ary nanampy ahy"

**Aoka mba tsy ho voaheloka amin'izany izy ireo**

Azo adika hoe DH: "Tsy ho isain'Andriamanitra ho helony anie izany" na "mivavaka aho mba tsy hanasazian'Andriamanitra ireo mpino nohon'ny fialana tamiko"

**2 Timothy 4:17**

**ny Tompo dia nitsangana teo anilako**

I Paoly dia miresaka toy ny hoe mitsangana miaraka aminy ny Tompo. DH: "ny Tompo nanampy ahy"

**mba, amin'ny alalako, ny fanambarana dia afaka tanterahina tanteraka,**

Azo atao hoe DH: "mba hahafahako milaza ny hafatr'Andriamanitra rehetra"

**Izaho dia avotra tamin'ny vavan'ny liona.**

Ataon'i Paoly toy ny hoe misy liona mampitahotra azy rehefa miresaka momba ny loza izy. Izany loza izany dia mety ho ara-nofo, ara panahy, na izy roa mitambatra. DH: "avotra tamin'ny loza lehibe aho"

**2 Timothy 4:19**

**ankohonan'i Onesiforosy**

Eto ny "trano" dia ilazana ny olona izay monina ao amin'izany. DH: "Fianakavian'i Onesiforosy"

**Onesiforosy**

Anarana lehilahy iray io.

**Erasto...Trofimo...Eolobolo...Poda, Lino**

Anaran-dehilahy avokoa ireo.

**Mileto**

Anaran-toerana any atsimon'ny Efesosy izany.

**Omeo izay tsara indrindra avy aminao mba hahatongavana**

"Manamboara lalana mba handehana"

**alohan'ny ririnina**

"mialohan'ny vanim-potoana mangatsiaka"

**ary Poda ihany koa, Lino, Klaodio, ary ireo rahalahy rehetra**

Izany dia afaka hadika amin'ny fehezanteny vaovao. DH: " Poda, Lino, Klaodio, ary ireo rahalahy rehetra dia manao veloma anareo"

**Klaodio**

Anarana vehivavy anakiray io.

**ireo rahalahy rehetra**

Eto "ireo rahalahy" dia ilazana ireo mpino rehetra na lahy na vavy. DH: "ireo mpino rehetra eto"

**Hiaraka amin'ny fanahinao anie ny Tompo**

"Mivavaka aho mba hanomezan'ny Tompo hery ny fanahinao." Eto ny hoe "ianao" dia milaza olo-tokana ary manondro an'i Timoty.

**Ho aminareo anie ny fahasoavana**

"mivavaka aho mba hanehoan'ny Tompo ny fahasoavany aminareo rehetra. Eto ny hoe

"ianareo" dia manondro olona maro ary ilazana ireo mpino rehetra.

**fahasoavana**

"ny famindram-pony" na "ny fankasitrahany"

## Book: Titus

### Titus

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, mpanompon'Andriamanitra ary Apostolin'i Jesosy Kristy, hanamafy ny finoan'ny olom-boafidin'Andriamanitra sy ny fahalalana ny marina izay manaraka ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, <sup>2</sup> amin'ny fahatokisana ny fiainana mandrakizay, izay nampanantenain'Andriamanitra, ilay tsy mandainga, fony fahagola. <sup>3</sup> Tamin'ny fotoana voatondro, dia nasehony ny teniny tamin'ny hafatra izay natokisany ho ampitaiko. Nataoko izany araka ny didin'Andriamanitra ilay Mpamonjy antsika. <sup>4</sup> Ho an'i Titosy, zanaka marina ao amin'ny finoana hiombonantsika. Fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra ilay Ray sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. <sup>5</sup> Noho izao antony izao no namelako anao tany Kreta, dia ny mba handaminanao ireo zavatra mbola tsy vita sy hanendry loholona isaky ny tanàna araka izay efa nandidiako anao. <sup>6</sup> Ny loholona dia tsy tokony hanan-tsiny mihintsy, vadin'ny vehivavy iray, manana zanaka mino tsy voampanga ho manara-po amin'ny ratsy na maditra. <sup>7</sup> Ilain'ny mpitandrina, amin'ny maha-mpanao ny asan'Andriamanitra, ny tsy fananan-tsiny. Tsy tokony hahery fiteny na mirehareha. Tsy tokony ho mora tezitra, tsy mpimamo, tsy lian'ady, ary tsy olona tia vola. <sup>8</sup> Fa kosa, tokony hampiantrano izy, sakaizan'izay tsara. Tsy maintsy mahonon-tena, marina, masina, ary mahafehy tena. <sup>9</sup> Tokony mitana mafy ny hafatra izay efa nampianarina izy, mba afahany mampahery ireo hafa amin'ny fampianarana tsara ary hanitsy ireo izay manohitra azy. <sup>10</sup> Fa maro ny olona mpikomy, indrindra ireo izay voafora. Tsy misy lanjany ny tenin'izy ireo. Mandiso fanantenana sy mitarika ny olona any amin'ny lalan-diso izy ireo. <sup>11</sup> Ilaina ny manakana azy ireny. Mampianatra ny tsy tokony hampianarina izy ireo mba ahazoana harena maloto ary mandrava ny fianakaviana manontolo. <sup>12</sup> Nisy iray tamin'izy ireo, izay lehilahy hendrin'izy ireo, nilaza hoe: "Ny Kretana dia mpandainga mandrakariva, ratsy ary biby mandoza, kamo be tenda." <sup>13</sup> Marina izany voalaza izany, noho izany anaro mafy izy ireo mba hatanjaka amin'ny finoana. <sup>14</sup> Aza miraharaha ireo anganon'ny Jiosy na ireo didin'ny olona izay niala tamin'ny fahamarinana. <sup>15</sup> Ho an'ireo izay madio, dia madio ny zavatra rehetra. Fa ho an'ireo izay voaloto sy tsy mino kosa, dia tsy misy madio na inona na inona. Noho ny saina sy ny fieritretretany efa voaloto. <sup>16</sup> Manaiky fa mahalala an'Andriamanitra izy ireo, kanefa mandà Azy amin'ireo asany. Mpankahala sy mpandika lalàna izy ireo. Tsy mahavita asa tsara na inona na inona.

#### Titus 1:1

**Hanamafy ny finoan'ny**  
Hampatanjaka ny finoan'ny

**Izay manaraka ny toe-panahy araka an'Andriamanitra**  
"Izay mety amin'ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra."

**Fony fahagola**  
"Mialohan'ny fanombohan'ny fotoana."

**Tamin'ny fotoana voatondro**  
"Amin'ny fotoana mety."

**Nasehony ny teniny**  
Paoly dia niresaka momba ny hafatr'Andriamanitra toy ny hoe zavatra izay afaka haseho amin'ny olona. DH: "Izy dia nanambara ny teniny."

#### Natokisany ho ampitaiko

"Notendrena hitory aho" na "izy dia nanome ahy ny andraikitra hitory."

**Andriamanitra ilay Mpamonjy antsika**  
"Andriamanitra, izay namonjy antsika."

#### Titus 1:4

#### Zanaka marina

Na dia tsy zanaka naterak'i Paoly aza i Titosy, dia samy niombona finoana amin'i Kristy izy ireo. Noho izany, ao amin'i Kristy, i Paoly dia nandray an'i Titosy ho toy ny zanany. DH: "toy ny zanako ianao."

#### Finoana hiombonantsika

Paoly dia nanambara finoana mitovy izay hiombonan'izy ireo ao amin'i Kristy. DH: "ny fampianarana iraisana izay inoantsika roa."

**Fahasoavana sy fiadanana**

Izany dia fiarahabana iraisana izay nampiasain'i Paoly. DH: "enga anie ianao haina hatsaram-panahy sy fiadanana anaty."

**Jesosy Kristy Mpamonjy antsika**

"Jesosy Kristy izay mpamonjy antsika."

**Noho izao antony izao**

"Izany no antony."

**Namelako anao tany Kreta**

"Nasaiko nijanona tao Kreta ianao."

**Mba handaminanao ireo zavatra mbola tsy vita**

"Mba ahafahanao mamita ny fandaminana ireo zavatra tokony atao."

**Hanendry loholona**

"hanendry loholona" na "manondro loholona."

**Loholona**

Tao amin'ny fiangonana Kristiana voalohany, ny loholona Kristiana dia nanome fitarihana arapahy ho an'ny fiombonan'ireo mpino.

**Titus 1:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tamin'ny fangatahana an'i Titosy mba hibaiko ireo loholona isaky ny tanàna manerana ny nosy Kreta, Paoly dia nanome fepetra ireo loholona.

**Ny loholona dia tsy tokony hanan-tsiny mihintsy**

Ny hoe "tsy misy tsiny" dia fantatra amin'ny hoe olona tsy manao zavatra ratsy. DH: "Ny loholona dia tsy tokony hanana laza ratsy."

**Vadin'ny vehivavy iray**

Mba ho vady mahatoky. Mety ho dikany dia izao: 1) tsy mitady fifandraisana amin'ny vehivavy hafa na 2) tsy manana vady faharoa na vadikely.

**Zanaka mino**

Mety ho dikany dia izao: 1) zanaka izay mino an'i Jesosy na 2) zanaka mendri-pitokisana.

**Maditra**

"Mpikomy" na "izay tsy manara-dalàna."

**Mpanao ny asan'Andriamanitra**

Paoly dia miresaka ny loholona toy ny hoe loham-pianakaviana, tompon'andraikitra amin'ny ny ao an-trano.

**Tsy mpimamo**

"Tsy mpisotro toaka" na "tsy mpisotro divay."

**Tsy lian'ady**

"Tsy olona mahery setra" na "tsy olona tia miady."

**Titus 1:8****Fa kosa**

Paoly dia nanova ny heviny ny amin'ny hoe: ny loholona dia tsy tokony ho

**Sakaizan'izay tsara**

Manaiky zavatra tsara sy fitondran-tena tsara.

**Mitana mafy**

Paoly dia miresaka momba ny fanoloran-tena amin'ny finoana Kristiana toy ny hoe mahazo ny finoana amin'ny tanany. DH: "manolara tena ho an'ny" na "fantaro tsara."

**Fampianarana tsara**

Izy dia tsy maintsy mampianatra izay marina mahakasika an'Andriamanitra ary ny zavatra arapahy hafa.

**Titus 1:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Noho ireo izay manohitra ny tenin'Andriamanitra, Paoly dia nanome antony an'i Titosy ny mba hitoriana ny tenin'Andriamanitra ary nampitandrina azy ny amin'ireo mpampianatra sandoka.

**Olona mikomy**

Ireo no olona mpikomy izay manohitra ny hafatry ny filazantsaran'i Paoly.

**Ireo izay voafora**

Izany dia manondro ny Kristiana Jiosy izay mampianatra fa tsy maintsy voafora vao manara-dia an'i Kristy

**Tsy misy lanjany ny tenin'izy ireo**

"Ny tenin'izy ireo dia tsy mahasoana na iza na iza."

**Ilaina ny manakana azy ireny**

"Izy ireo dia tsy maintsy sakanana amin'ny fampielezana ny fampianaran'izy ireo" na "izy ireo dia tsy maintsy hajanona amin'ny fitaomana ny hafa amin'ny alalan'ireo teniny."

**Ny tsy tokony hampianarina izy ireo**

Zavatra izay tsy mety amin'ny fampianarana momba an'i Kristy sy ny Lalàna

**Mba ahazoana harena maloto**

Izany dia manondro fotsiny ny tombony azon'ny olona amin'ny fanaovana ireo zavatra tsy mendrikaja.

**Mandrava ny fianakaviana manontolo**

"Mandrava ny finoan'ny fianakaviana manontolo."

**Titus 1:12****Iray tamin'izy ireo**

"Iray amin'ireo Kretana" na "olona avy amin'ny vahoakan'i Kreta."



**izay lehilahy hendrin'izy ireo**

Mety ho dikany dia izao: 1) mpaminany na 2) poeta na filozofa na 3) mpampianatra.

**Ny Kretana dia mpandainga mandrakariva**

"Ny Kretana dia mandainga foana." izany dia fanitarana ho an'ny Kretana maro izay matetika mandainga..

**Ratsy ary biby mandoza**

Izany fanoharana izany dia mampitaha ireo Kretana amin'ireo biby mandoza.

**Kamo be tenda**

Fomba fiteny ho an'ny olona izay tsy manao na inona na inona kanefa mihinana sakafo be loatra.

**Noho izany anaro mafy izy ireo**

"Noho izany dia lazao mafy azy ireo fa diso izy ireo."

**Mba hatanjaka amin'ny finoana izy ireo**

"Mba hanana finoana matanjaka izy ireo" na "mba ho marina ny finoan'izy ireo."

**Titus 1:14**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nanohy ny toromarikany ny amin'ny hampianaran'i Titosy an'ny Kretana.

**Anganon'ny Jiosy**

Izany dia manondro ny fampianaran-diso ireo Jiosy.

**Niala tamin'ny fahamarinana**

Paoly dia miresaka ny marina ho toy ny zavatra iray mihetsika izay afaka haverina amin'ny lalana izay niangany.

**Titus 1:15**

**Ho an'ireo izay madio, dia madio ny zavatra rehetra**

"Raha misy olona madio anaty, ny zavatra rehetra izay ataon'izy ireo dia hadio."

**Ho an'ireo izay madio**

"Ho an'ireo izay ankasitrahan'Andiamanitra."

**Ho an'ireo izay voaloto sy tsy mino kosa, dia tsy misy madio na inona na inona**

Paoly dia miresaka ireo mpanota toy ny hoe maloto ara-batana izy ireo. DH: "ny olona maloto fitondran-tena sy tsy mino dia tsy mety madio."

**Mandà Azy amin'ireo asany**

"Ny asan'izy ireo dia manaporofa fa izy ireo dia tsy mahafantatra azy."

**Mpankahala**

"Maharikoriko."

**Tsy mahavita asa tsara na inona na inona.**

"Tsy misy olona manantena azy ireo hanao zavatra tsara."



## Chapter 2

<sup>1</sup> Fa ianao kosa, milazà izay mifanaraka amin'ny fampianarana marina. <sup>2</sup> Ireo lehilahy efa nahazo taona dia tsy maintsy mahay mitondra tena, maotina, mahonon-tena, matanjaka amin'ny finoana, amin'ny fitiavana, ary amin'ny faharetana. <sup>3</sup> Toy izany koa ireo vehivavy efa nahazo taona dia tokony hampiseho hatrany ny tenan'izy ireo ho tsara fitondran-tena, fa tsy mpifosa. Tsy tokony ho andevozin'ny divay be izy ireo. Tokony hampianatra izay tsara izy ireo <sup>4</sup> mba hampiofanana ireo vehivavy tanora ho tena tia ny vady aman-janany manokana. <sup>5</sup> Tokony hampianatra azy ireo hahonon-tena, hadio, hikarakara tokantrano tsara, ary hankatoa ny vadiny izy ireo. Tokony hanao izany zavatra rehetra izany izy ireo mba tsy ho voaheso ny Tenin'Andriamanitra. <sup>6</sup> Tahaka izany, ampaherezo ireo lehilahy mbola tanora mba hahonon-tena. <sup>7</sup> Amin'ny fomba rehetra dia aseho ny tenanao ho modelin'ireo asa tsara; ary rehefa hampianatra ianao, dia manehoa fahitsiana sy fahamendrehana. <sup>8</sup> Milazà hafatra salama sy tsy misy tsiny, mba ho menatra izay manohitra na iza na iza, satria tsy manana na inona na inona ratsy ho lazaina momba antsika izy. <sup>9</sup> Ireo mpanompo dia tokony hankatoa ny tompony amin'ny zava-drehetra. Hanao izay sitrapony fa tsy hifamaly aminy. <sup>10</sup> Tsy tokony hanganlangalatra izy ireo. Fa kosa, tokony haneho ny finoana tsara rehetra izy ireo, mba hampahamendrika ny fampianarantsika momba an'Andriamanitra mpamonjy antsika amin'ny lafiny rehetra. <sup>11</sup> Fa efa niseho tamin'ny olon-drehetra ny fahasovan'Andriamanitra. <sup>12</sup> Mampianatra antsika handà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra sy ny filàn'izao tontolo izao izany. Mampianatra antsika hiaina am-pihononana, am-pahamarinana, ary araka ny lalan'Andriamanitra amin'izao vanim-potoana izao izany <sup>13</sup> eo am-piandrasantsika fatratra izay handraisantsika ny fanantenana mahafinaritra, ny fisehoan'ny voninahitry ny Andriamanintsika lehibe sy Mpamonjy Jesosy Kristy. <sup>14</sup> Jesosy dia nanolotra ny tenany ho antsika mba hanavotra antsika hiala amin'ny tsy fanarahan-dalàna rehetra sy hanadiovana, ho an'ny tenany, olona iray manokana izay tena mazoto hanao asa tsara. <sup>15</sup> Ambarao ary ento ampaherezina ireo zavatra ireo. Manomeza fanitsiana amin'ny fahefana rehetra. Aza avela hisy olona hanao tsinontsinona anao.

### Titus 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia nanohy nanome an'i Titosy antony hitoriana ny tenin'Andriamanitra, ny fomba tokony hiainan'ny lehilahy nahazo taona, vehivavy nahazo taona, olona tanora, ary andevo na mpanompo ny maha mpino.

#### Fa ianao kosa

Paoly dia te hilaza izay mifanohitra. DH: "Fa ianao kosa, ry Titosy, dia mifanohitra amin'ireo mpampianatra sandoka."

#### Fampianarana marina

"Miaraka amin'ny foto-mpampianarana miorina" na "miaraka amin'ny fampianarana marina."

#### Hitondra tena,

"Mahonona" na "mahay mihevi-tena."

#### Mahonon-tena

"Mifehy ny faniriany."

#### Matanjaka

"Salama"

#### Matanjaka amin'ny finoana

"Miaraka amin'ny finoana matanjaka" na "marina amin'ny finoany."

#### Matanjaka ... amin'ny fitiavana

"Amin'ny fitiavana."

#### Matanjaka ... amin'ny faharetana

"Miorina" na "tsy ahalalana vizana."

### Titus 2:3

#### Toy izany koa

"Mitovy amin'izany." Rehefa nampianatra ny lehilahy nahazo taona i Titosy, dia tokony hampianatra ny vehivavy nahazo taona ihany koa.

#### Tokony hampiseho hatrany ny tenan'izy ireo

"Tokony hanaporofo ny tenan'izy ireo fa" na "tokony hiaina toy ny."

#### Tsy mpifosa

Izany teny izany dia manondro ny olona izay milaza zavatra ratsy mahakasika ny olona hafa na marina izy ireny na tsia.

#### Andevozin'ny divay be

Ny olona iray izay mahatsapa fa mila misotro zava-pisotro misy alikaola dia matetika misotro azy ireny amin'ny fatrany betsaka. Paoly dia miresaka momba ireo olona manana fiankinan-doha ireo ho toy ny hoe andevo. DH: "andevozin'ny divay."

#### Hahonon-tena, hadio

Mieritreritra tsara.

**Titus 2:6****Tahaka izany**

Titosy dia hanofana ireo zatovolahy toy ny hanofanany ireo olona efa nahazo taona.

**Asehoy ny tenanareo**

"Asehoy ny tenanao."

**Modelin'ireo asa tsara**

"Ohatra iray amin'ny olona manao ny tsara sy ny mety."

**Hafatra salama**

Paoly dia miresaka ny fitoriana sy ny fampianarana nataon'i Titosy tahaka ny hoe olona izay salama tao amin'ny vatany izy ireny.

**Mba ho menatra izay manohitra na iza na iza**

Izany dia manolotra sarisarin'ny toe-javatra izay ahitana olona iray manohitra an'i Titosy ary avy eo menatra ny nataony. Tsy manambara zavatra izay tena nitranga izany. Ny fitenin'ny dia mety manana fomba hafa hilazana izany.

**Titus 2:9****Ny tompony**

"Ny tompon'izy ireo."

**Amin'ny zava-drehetra**

"Amin'ny toe-javatra rehetra" na "matetika."

**Manao izay sitrapony**

"Mampifaly ny tompony" na "mahafa-po ny tompony."

**Mangalangatra**

Mangalatra zavatra kely amin'ny tompony.

**Maneho ny finoana tsara rehetra**

"Mampiseho fa mendrika ny fahatokisan'ny tompon'izy ireo."

**Amin'ny lafiny rehetra**

"Amin'ny zavatra rehetra ataon'izy ireo."

**Hampahamendrika ny fampianarantsika**

Paoly dia miresaka ny fampianaran'ny Kristiana toy ny hoe zavatra izay afaka haingoana. DH: "mahatonga ny fampianarantsika hanintona olona hafa."

**Andriamanitra mpamonjy antsika**

"Ny Andriamanitsika izay namonjy antsika."

**Titus 2:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nampahery an'i Titosy mba hikatsaka ny fahatongavan'i Jesosy ary hahatsiaro ny fahefany amin'ny alalan'i Jesosy

**Niseho ny fahasoavan'Andriamanitra ... mampianatra antsika**

Paoly dia miresaka ny fahasoavan'Andriamanitra toy ny hoe olona iray mankany amin'ny olon-kafa ary mampianatra azy ireo mba hiaina fiainana masina.

**Mampianatra antsika handà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra**

"Mampianatra antsika mba tsy hanala-baraka an'Andriamanitra."

**Filàn'izao tontolo izao**

"Faniriana mafy ireo zavatr'izao tontolo izao" na "faniriana mafy ho an'ny fahafinaretana amin'ny fahotana."

**Amin'izao fotoana izao**

"Raha mbola miaina eto amin'izao tontolo izao isika" na "nandritra izany fotoana izany."

**Eo am-piandrasantsika fatratra izay handraisantsika ny**

"Isika dia miandry ny handray."

**Fanantenana mahafinaritra**

Andriamanitra no tian'i Paoly lazaina amin'izany, izay inoantsika fa ho avy amintsika izy.

**Ny fisehoan'ny voninahitry ny Andriamanintsika lehibe**

Paoly dia miresaka ny voninahitr'Andriamanitra mba hilazana fa Andriamanitra tenany dia hiseho.

**Titus 2:14****Nanolotra ny tenany ho antsika**

"Nanolotra ny tenany ho faty ho antsika."

**Hanavotra antsika hiala amin'ny tsy fanarahana-dalàna rehetra**

Paoly dia miresaka an'i Jesosy toy ny hoe namotsotra ireo andevo hiala amin'ireo tompony ratsy fanahy.

**Olona iray manokana**

"Vondron'olona izay sarobidy aminy."

**Tena mazoto**

"Manana faniriana mafy."

**Titus 2:15****Ambarao ary ento ampaherezina ireo zavatra ireo**

"Ampianaro ireo zavatra ireo ary ampaherezo ireo izay mihaino mba hanao ireny zavatra ireny."

**Manomeza fanitsiana amin'ny fahefana rehetra**

Izany fanambarana izany dia afaka hazavaina. DH: "Ahitsio amin'ny fahefana rehetra ireo olona izay tsy manao ireny zavatra ireny."

**Aza avela hisy olona**

"Aza avela hisy olona."

**Hanao tsinontsinona anao**

Izany fanambarana izany dia afaka hazavaina. DH:  
"mandà tsy ihaino ny teninao" na "mandà ny hanaja  
anao."

---

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ampaherezo izy ireo hanaiky ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana, hankatoa azy ireo, ho vonona amin'ny asa tsara rehetra. <sup>2</sup> Ampatsiahivo izy ireo tsy haneso na iza na iza, hiala amin'ny adihevitra, hamela ny hafa hanaraka ny lalany, ary hampiseho fanetren-tena amin'ny olona rehetra. <sup>3</sup> Fa teo aloha ny tenantsika dia tsy nanan-tsaina ary tsy nankàtoa. Voatarika tamin'ny lalan-diso isika ary nandevozin'ny filàna sy ny fahafinaretana samihafa. Niaina tao amin'ny faharatsiana sy ny fialonana isika. Nankahalaina izahay ary nifankahala isika. <sup>4</sup> Fa rehefa niseho ny hatsaram-panahin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy ny fitiavany ny olombelona, <sup>5</sup> dia tsy tamin'ny asan'ny fahamarinana nataontsika izany, fa tamin'ny famindram-pony no namonjeny antsika. Izy dia namonjy antsika tamin'ny alalan'ny fanadiovan'ny fahateraham-baovao sy ny fanavaozana tamin'ny Fanahy Masina. <sup>6</sup> Andriamanitra nandrotsaka betsaka tamintsika ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. <sup>7</sup> Nataony izany mba, ho voamarina tamin'ny fahasoavana, dia ho tonga mpandova isika amin'ny alalan'ny fahatokisana ny fiainana mandrakizay. <sup>8</sup> Izany hafatra izany dia mendri-pitokisana. Tiako hilaza momba izany zavatra izany am-pahatokisana ianareo, mba ireo izay mahatoky an'Andriamanitra dia hikasa hanao ireo asa tsara izay efa napetrany teo alohan'izy ireo. Izany zavatra izany dia sady tsara no mahasoa ho an'ny olona rehetra. <sup>9</sup> Fa ialao ny adihevitra adala sy ny tantaram-pirazanana ary ny fifandiranana sy ny ady momban'ny lalàna. Ireo zavatra ireo dia zava-poana sy tsy mahasoa. <sup>10</sup> Mandà izay olona rehetra miteraka fizarazarana eo anivonareo, aorian'ny fampitandremana indray na indroa, <sup>11</sup> ary fantaro fa ny olona ohatr'izany dia niala tamin'ny lalana marina ary manota sy manameloka ny tenany. <sup>12</sup> Rehefa naniraka an'i Artema na Tykiko any aminareo aho, dia faingàna ary mankanesa any amiko any Nikopolia, izay nanapahako hevitra andaniana ny ririnina. <sup>13</sup> Faingàna ary alefaso Zena, ilay mpahay lalàna, sy Apolosy, mba tsy hanan-javamahory izy ireo. <sup>14</sup> Ny olontsika dia tsy maintsy mianatra manao asa tsara izay ilaina maika mba tsy ahatonga azy ireo tsy hamokatra. <sup>15</sup> Ireo rehetra miaraka amiko dia manao veloma anareo. Manaova veloma ireo izay tia antsika amin'ny finoana. Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana.

### Titus 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Paoly dia nanohy nanome toromarika an'i Titosy ny amin'ny fomba hampianarana ireo loholona sy ny olona eo ambany fiahiany ao Kreta.

#### Ampatsiahivo izy ireo

"Lazao amin'ireo vahoakatsinka indray izay efa fantatr'izy ireo" na "tohizo ny fampahatsiahivana azy ireo."

#### Hanaiky ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana, hankatoa azy ireo

"Manao araka ny lazain'ireo mpanapaka ara-politika sy ireo manam-pahefana amin'ny fankatoavana azy ireny."

#### Mpanapaka sy ireo manam-pahefana

Ireo teny ireo dia manana hevitra mitovy ary miaraka ampiasaina mba hampidirana ireo rehetra manana fahefana ao amin'ny governemanta.

#### Ho vonona amin'ny asa tsara rehetra

"Aoka ho vonona ny hanao tsara isaky ny misy fahafahana."

#### Haneso

"Miteny ratsy."

#### Hamela ny hafa hanaraka ny lalany,

Raha tsy fahotana ny fitiavana manokana, Paoly dia mampirisika ireo mpino mba hanao zavatra araka ny fomba izay hitiavan'ny olon-kafa hanaovana azy.

### Titus 3:3

#### Fa

"Satria."

#### Teo aloha

"Taloha" na "fotoana fohy."

#### Tsy nanan-tsaina

"Adala" na "tsy mitandrina."

#### Voatarika tamin'ny lalan-diso ... tamin'ny alalan'ireo filàna sy ny fahafinaretana samihafa

Paoly dia miresaka ireo fanirian-dratsy toy ny hoe olona izay mitarika antsika hiala amin'ny lalamarina. DH: "voafitaka izahay."

#### Nandevozin'ny filàna sy ny fahafinaretana samihafa

Paoly dia miresaka momba ireo faniriana mahery hanao ny ratsy taloha toy ny hoe tompon'ny andevontsika izy ireny.

#### Filàna

"Filàna" na "faniriana."

**Niaina tao amin'ny faharatsiana sy ny fialonana**  
 "Ratsy" sy "fialonana" dia teny mitovy amin'ny fahotana. DH: "Izahay dia manao zavatra ratsy foana ary maniry ny ananan'ny hafa."

**Nankahalaina izahay**  
 "Nanao izay nankahalan'ny hafa anay izahay."

### Titus 3:4

**Rehefa niseho ny hatsaram-panahin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy ny fitiavany ny olombelona**  
 Paoly dia miresaka ny hatsaram-panahin'Andriamanitra sy ny fitiavany toy ny hoe olona izay tonga imasontsika izy ireny.

**Tamin'ny famindram-pony**  
 "Satria namindra fo tamintsika izy."

**Fanadiovan'ny fahateraham-baovao**  
 Paoly dia mety miresaka ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra amin'ireo mpanota tahaka ny hoe manasa azy ireo ara-batana izy. Izy ihany koa dia miresaka momba ireo mpanota izay tonga manaiky an'Andriamanitra toy ny hoe teraka indray izy ireo.

### Titus 3:6

**Betsaka**  
 "Be dia be" na "malala-tanana."

**Nandrotsaka ny Fanahy Masina tamintsika**  
 Matetika ny mpanoratra ny Testamenta Vaovao no miresaka ny Fanahy Masina ho toy ny rano izay azo arotsaka. DH: "malala-tanana tamin'ny fanomezana antsika ny Fanahy Masina."

**Tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika**  
 "Rehefa namonjy antsika i Jesosy."

**Ho voamarina**  
 "Andriamanitra dia nanambara antsika ho tsy misy ota."

**Ho tonga mpandova isika amin'ny alalan'ny fahatokisana ny fiainana mandrakizay**  
 Ny olona izay nanaovan'Andriamanitra fampanantenana dia resahana toy ny hoe handova fananana sy harena avy amin'ny olona ao amin'ny fianakaviana.

### Titus 3:8

**Izany hafatra izany**  
 Izany dia manondro an'Andriamanitra nanome ireo mpino ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Jesosy.

**Hikasa hanao ireo asa tsara**  
 "Mety hikatsaka ny hanao asa tsara."

**Izay efa napetrany teo alohan'izy ireo**  
 Paoly dia miresaka ireo asa tsara toy ny hoe zavatra izay azon'Andriamanitra apetraka eo anoloan'ny olona. DH: "izay nanomanan'Andriamanitra azy ireo mba ho atao."

### Titus 3:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Paoly dia nanazava ny tokony hialan'i Titosy sy ny fomba hitondrany ireo izay miteraka fifandirana eo amin'ireo mpino.

**Fa**  
 "Fa ianao, ry Titosy,"

**Adihevitra adala**  
 "Fanehoan-kevitra mahakasika zavatra tsy misy dikany."

**Tantaram-pirazanana**  
 Izany dia fianarana momba ny fifandraisan'ny fianakaviana.

**Fifandiranana**  
 "Fifamaliana."

**Ny lalàna**  
 "Ny lalàn'i Mosesy."

**Mandà izay olona rehetra**  
 "Mialà eo."

**Aorian'ny fampitandremana indray na indroa,**  
 "Aorian'ny fampitandremanao izany olona izany indray na indroa."

**Ny olona ohatr'izany**  
 "Ny olona toy izany."

**Niala tamin'ny lalana marina**  
 Paoly dia miresaka ny olona izay nanao fahadisoana ho toy ny hoe miala amin'ny lalana izay nandehanany.

**Manameloka ny tenany**  
 "Mitsara ny tenany."

### Titus 3:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Paoly dia namarana ny taratasiny amin'ny filazana an'i Titosy ny tokony atao rehefa avy nanendry loholona tany Kreta izy ary tamin'ny fanaovana veloma ireo izay niaraka taminy.

**Rehefa naniraka**  
 "Taorian'ny nanirahako."

**Artema ... Tykiko ... Zena**  
 Ireo dia anaran-dehilahy.

**Faingàna ary mankanesa**

"Mandehana faingana ianao ary tongava" na "tongava haingana."

**Andaniana ny ririnina**

"Mijanona amin'ny ririnina."

**Faingàna ary alefaso**

"Faingàna ianao" na "aza manemotra ny fandefasana."

**Sy Apolosy**

"Alefaso ihany koa i Apolosy."

**Titus 3:14**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nanazava ny antony maha zava-dehibe ny manome an'i Zena sy Apolosy.

**Ny olontsika**

Paoly dia manondro ireo mpino tany Kreta.

**Manao**

"Be atao."

**Ilaina maika**

Ireo dia zava-dehibe tsy nomanina fa zavatra ilaina avy hatrany izay tsy nampahafantarina azy taloha.

**Mba tsy ahatonga azy ireo tsy hamokatra**

Paoly dia miresaka ny vokatra tsara toy ny hoe voa. DH: "mba hamokatra vokatra tsara izy ireo."

**Titus 3:15**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Paoly dia namarana ny taratasiny ho an'i Titosy.

**Ireo rehetra**

"Ny olona rehetra."

**Ireo izay tia antsika amin'ny finoana**

Mety ho dikany dia izao: 1) "ireo mpino izay tia antsika" na 2) "ireo mpino izay tia antsika satria mitovy finoana amintsika."

**Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana**

Izany dia fanaovana veloma iraisan'ny Kristiana. DH: "Ny fahasoavan'Andriamanitra anie ho aminareo" na "mangataka aho ny mba hamindran'Andriamanitra fo aminareo rehetra."



## Book: Philemon

### Philemon

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Paoly, voafonja an'i Jesosy Kristy, sy ny rahalahy Timoty ho an'i Filemona, namana malalanay sy mpiaramiasa aminay, <sup>2</sup> ary ho an'i Apia anabavinay, sy Arkipo miaramila namanay, ary ho an'ny fiangonana izay miangona ao an-tranonao. <sup>3</sup> Ho aminareo anie ny fahasoaavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. <sup>4</sup> Misaoatra ny Andriamanitra hatrany aho. <sup>5</sup> Manonona anao aho amin'ny fivavahako. Efa naheno ny amin'ny fitiavana sy ny finoana izay anananao ao amin'i Jesosy Tompo ary ho an'ireo mpino rehetra aho. <sup>6</sup> Mivavaka aho mba hahatonga ny fiombonana amin'ny finoanao hahomby amin'ny fahalalana ny zavatra tsara rehetra izay eo amintsika ao amin'i Kristy. <sup>7</sup> Fa nanana fifaliana sy fiononana lehibe aho nohon'ny fitiavanao, satria ny fon'ireo mpino dia novelombelomina tamin'ny alalanao, ry rahalahy. <sup>8</sup> Noho izany, na dia manana fahasahiana rehetra ao amin'i Kristy aza aho handidy anao mba hanao izay tokony hataonao, <sup>9</sup> nefa nohon'ny fitiavana, dia miantso anao kosa aho - izaho, Paoly, lehilahy antitra, ary ankehitriny gadra ho an'i Jesosy Kristy. <sup>10</sup> Mangataka anao aho ny amin'ny zanako Onesimosy, izay naterako tamin'ny fatorako. <sup>11</sup> Fa izy dia tsy nahasoa anao teo aloha, fa ankehitriny izy dia mahasoa anao sy izaho. <sup>12</sup> Nalefako niverina ho any aminao izy, izy ilay tiako tokoa. <sup>13</sup> Maniry ny hitazona azy hiaraka amiko aho, mba hahafahany manompo ahy ho anao, raha mbola voafatotra nohon'ny filazantsara aho. <sup>14</sup> Nefa tsy te hanao na inona na inona raha tsy misy ny fanekenao aho. Tsy tiako ho an-katerena ny asa soa ataonao fa an-tsitraro. <sup>15</sup> Angamba noho izany no nisarahany taminao nandritra ny fotoana fohy, mba hanananao azy mandrakizay. <sup>16</sup> Tsy ho andevo intsony izy, fa tsara mihoatra noho ny andevo, dia rahalahy malala. Izy no malala indrindra amiko, ary mihoatra lavitra ho anao, na ao amin'ny nofo na ao amin'ny Tompo. <sup>17</sup> Koa raha manana ahy ho mpiara-miasa ianao, dia raiso toa ahy izy. <sup>18</sup> Raha manao ny tsy mety izy na mitrosa na inona na inona aminao, dia ataovy ho ahy izany. Izaho, Paoly, manoratra izao amin'ny tanako: <sup>19</sup> Izaho no handoa aminao. Tsy milaza aminao hoe mitrosa ny tenanao amiko ianao. <sup>20</sup> Eny, ry rahalahy, ataovy mahazo tombony ao amin'ny Tompo aho; omeo fitsaharana ny foko ao amin'i Kristy. <sup>21</sup> Ny toky momba ny fankatoavanao, no soratako ho anao. Fantatro fa hanao mihoatra noho izay angatahako ianao. <sup>22</sup> Mandritra izany fotoana izany ihany, omano ho ahy ny efitra fandraisam-bahiny, fa manantena aho fa amin'ny alalan'ny vavakao dia haverina aminao indray aho. <sup>23</sup> Epafra, namako mpiara-migadra ao amin'i Jesosy Kristy, manao veloma anao. <sup>24</sup> Toy izany koa i Marka, Aristarko, Demasy ary Lioka, mpiara-miasa amiko. <sup>25</sup> Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasoaan'i Jesosy Kristy Tompontosika. Amena.

#### Philemon 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Intelô i Paoly no nanondro ny tenany ho mpanoratra ity taratasy ity. Azo inoana fa i Timoty dia niaraka taminy ary mety nanoratra ireo teny ireo araka ny nolazain'i Paoly izy. Paoly dia niarahaba ireo hafa izay mihaona ao amin'ny fiangonana ao an-tranon'i Filemona.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny toe-javatra rehetra amin'ny hoe: "izaho", "aho", "ahy" dia manondro an'i Paoly. Filemona no olona fototra izay nanoratana ity taratasy ity. Ny toe-javatra rehetra amin'ny hoe "ianao" sy "anao" dia manondro azy ary milaza zavatra tokana ra tsy hoe misy fanamarihana manokana.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe "anay" eto dia ahitana an'i Paoly sy Filemona ary angamba ireo mpino ao amin'ny fiangonana izay mihaona ao an-tranon'i Filemona.

##### Paoly, voafonja an'i Jesosy Kristy, sy ny rahalahy Timoty ho an'i Filemona

DH: "Izaho, Paoly, voafonja an'i Jesosy Kristy, ary Timoty, rahalahinay, dia manoratra ity taratasy ity ho an'i Filemona."

##### Voafonja an'i Jesosy Kristy

"Voafonja noho ny amin'i Jesosy Krsity." Ny olona izay nanohatra ny toritenin'i Paoly dia nanasazy azy tamin'ny fampidirana azy am-ponja.

##### Rahalahy

Eto izany dia midika hoe fiarahan'ny Kristiana.

**Mpiara-miasa**

"Izay, mitovy aminay, dia miasa mba hampielezana ny filazantsara."

**Apia anabavinay**

"Apia mpiray finoana aminay" na "Apia anabavinay ara-panahy."

**Arkipo**

Izany no anaran'ny lehilahy iray ao amin'ny fiangonana miaraka amin'i Filemona.

**Miaramila mpiara-dia aminay**

Paoly dia miresaka an'i Arkipo toy ny hoe samy miaramila any amin'ny tafika izy ireo. Midika izany fa miasa mafy i Arkipo, tahaka an'i Paoly miasa mafy, mba hampielezana ny filazantsara. DH: "mpiara-miady ara-panahy" na "izay miady ihany koa ny ady ara-panahy ho antsika."

**Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo**  
"Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo anie hanome fahasoavana sy fiadanana ho anareo." Izany dia fitahiana.

**Raintsika**

izany dia fiantsoana manan-danaja ho an'Andriamanitra.

**Philemon 1:4****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe: "isika" dia milaza zavatra maro ary manondro an'i Paoly, Timoty, ary Filemona.

**Fa ny fiombonana amin'ny finoanao**

"Izay hiarahanareo miara-miasa aminay."

**Hahomby amin'ny fahalalana ny zavatra tsara rehetra**

"Vokatry ny fahalalana ny tsara."

**Amin'i Kristy**

"Noho i Kristy."

**Ny fon'ireo mpino dia novelombelomina tamin'ny alalanao**

"Nampirisika ny mpino ianao" na "nanampy ireo mpino ianao."

**Rahalahy**

"Ry rahalahy" na "ry sakaiza." Paoly dia niantso an'i Filemona hoe "rahalahy" satria izy ireo dia samy mpino ary nanamafy ny fisakaizany.

**Philemon 1:8****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia nanomboka ny fiangaviany sy ny anton'ny taratasiny.

**Fahasahiana rehetra ao amin'i Kristy**

Mety ho dikany dia izao: 1) "fahefana noho i Kristy" na 2) "herim-po noho i Kristy." DH: "herim-po satria i Kristy nanome ahy fahefana."

**Nefa nohon'ny fitiavana**

Mety ho dikany dia izao: 1) "satria fantatro fa tia ny vahoakan'Andriamanitra ianao" 2) "satria tia ahy ianao" na 3) "satria tiako ianao."

**Philemon 1:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Onesimosy no anaran'ny lehilahy iray izay toa andevon'i Filemona izay nangalatra zavatra ary nandositra.

**Ny zanako Onesimosy**

"Ny zanako Onesimosy." Paoly dia miresaka ny fomba fifandraisan'i Onesimosy ho toy ny hoe fifankatiavan'ny ray sy ny zanany. Onesimosy dia tsy tena zanak'i Paoly, saingy nahazo fiainana ara-panahy izy rehefa nampianarin'i Paoly ny momba an'i Jesosy, ary tian'i Paoly izy. DH: "Onesimosy zanako ara-panahy."

**Onesimus**

Ny anarana hoe "Onesimosy" dia midika hoe "mahaso" na "ilaina"

**Izay naterako**

Ny fomba nahatongavan'i Onesimosy ho toy ny zanak'i Paoly dia afaka hazavaina. DH: "izay lasa zanako ara-panahy rehefa nampianariko ny momba an'i Kristy izy ary dia nahazo fiainana vaovao" na "izay lasa toy ny zanako."

**Tamin'ny fatorako**

Ireo voafonja dia matetika voafatotra. Paoly dia tany am-ponja rehefa nampianatra an'i Onesimosy ary mbola tao am-ponja tamin'izy nanoratra ity taratasy ity. DH: "raha mbola tany am-ponja aho."

**Nalefako niverina izy ... ho any aminao**

Paoly dia mety andefa an'i Onesimosy miaraka amin'ny mpino iray hafa izay nitondra ity taratasy ity.

**Izay tena foiko**

Eto ny teny hoe: "fo" dia ampiasaina ho an'ny olona izay tena tena tiana. Paoly dia niteny izany momba an'i Onesimosy. DH: "izay tiako indrindra."

**Mba hahafahany manompo ahy ho anao**

"Fa, satria tsy afaka ny ho eto ianao, izy dia mety hanampy ahy" na "mba ahafahany manampy ahy eo amin'ny toeranao."

**Voafatotra aho**

"Raha mbola tany am-ponja aho."

**Nohon'ny filazantsara**

"Satria mitory ny filazantsara aho."

**Philemon 1:14**

**Nefa tsy te anao na inona na inona raha tsy misy ny fanekenao aho**

DH: "Fa tiako ny nitazona azy miaraka tamiko raha nankatoavinao."

**Tsy tiako ho an-katerena ny asa soa ataonao fa an-tsitrabo**

"Mba hanao izay marina ianao, fa tsy noho ny fanereko."

**Fa an-tsitrabo**

"Fa noho ianao nisafidy malalaka hanao ny tsara."

**Angamba noho izany no nisarahany taminao**

"Angamba izany no antony nanesoran'Andriamanitra an'i Onesimosy teo aminao."

**Nandritra ny fotoana fohy**

"Nandritra izany fotoana izany."

**Tsara mihoatra noho ny andevo**

"Sarobidy kokoa noho ny andevo."

**Rahalahy malala**

"Rahalahy malala" na "rahalahy sarobidy ao amin'i Kristy."

**Mihoatra lavitra ho anao**

"Midika bebe kokoa aminao izy."

**Na ao amin'ny nofo**

"Amin'izy roa tahaka ny maha-olombelona." Paoly dia nanondro an'i Onesimosy ho mpanompo mahatoky.

**Na ao amin'ny Tompo**

"Ary tahaka ny maha rahalahy ao amin'ny Tompo" na "ary noho izy an'ny Tompo."

**Philemon 1:17**

**Raha manana ahy ho mpiara-miasa ianao**

"Raha mihevitra ahy ho toy ny mpiara-miasa ao amin'i Kristy ianao."

**Ataovy ho ahy izany**

"Lazao fa izaho no anananareo."

**Izaho, Paoly, manoratra izao amin'ny tanako**

Izaho, Paoly, nanoratra ity. Paoly dia nanoratra ity ampahany ity tamin'ny tanany mba ahalalan'i Filemona fa ireo teny dia tena avy amin'i Paoly. Paoly dia tena hamerina aminy.

**Tsy milaza aminao**

"Tsy mila mampahatsiahy anao aho" na "efa fantatrao."

**Mitrosa ny tenanao amiko ianao**

"Ny fiainanao dia avy amiko." Paoly dia te hilaza fa i Filemona dia tsy tokony hiteny fa i Onesimosy na i Paoly dia ananany satria Filemona dia mbola tokony haneffa mihoatra amin'i Paoly. Ny antony hoe avy amin'i Paoly ny fiainan'i Filemona dia afaka hazavaina. DH: "hananako mihoatra ianao satria namonjy ny ainao aho" na "mitrosa ny tenanao amiko ianao satria izay nolazaiko taminao dia namonjy ny ainao."

**Omeo fitsaharana ny foko**

"Ampifalio aho" na "hampionony aho." Ny fomba nitiavan'i Paoly an'i Onesimosy hanao izany dia afaka hazavaina. DH: "mamelombelona ny foko amin'ny fanekena an'i Onesimosy amin-katsarampanahy."

**Philemon 1:21**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Paoly dia namarana ny taratasiny ary nanome tso-drano an'i Filemona sy ireo mpino izay nihaona tao amin'ny fiangonana tao an-tranon'i Filemona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "anao" sy "iana" dia manondro an'i Filemona sy ireo mpino izay mihaona ao amin'ny tranony.

**Toky momba ny fankatoavanao**

"Satria matoky aho fa hanao izay lazaiko ianao."

**Mandritra izany fotoana izany ihany**

"Ihany koa."

**Omano ho ahy ny efitra fandraisam-bahiny**

"Manaova efitra ao an-tranonao ho vonona ho ahy." Paoly dia nangataka tamin'i Filemona mba hanao izany ho azy.

**Haverina aminao indray aho**

"Ireo izay mitazona ahy am-ponja dia hamotsotra ahy mba ahafahako mankany aminao."

**Philemon 1:23**

**Epafra**

Izy dia mpiray finoana sy mpiara-migadra tamin'i Paoly.

**Namako mpiara-migadra ao amin'i Jesosy Kristy**

"Izay tao am-ponja niaraka tamiko satria nanompo an'i Jesosy Kristy izy."

**Toy izany koa i Marka, Aristarko, Demasy ary Lioka, mpiara-miasa amiko**

"Marka, Aristarko, Demasy ary Lioka, mpiara-miasa amiko, dia manao veloma anareo ihany koa."

**Marka ... Aristarko ... Deamsy ... Lioka**

Ireo dia anaran'ny lehilahy.

**Mpiara-miasa amiko**

"Ireo lehilahy izay niara-niasa tamiko" na "izay rehetra niara-niasa tamiko."

**Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasovan'i Jesosy Kristy Tompontsika.**

Ny teny hoe "nareo" dia manondro an'i Filemona sy ireo rehetra izay nihaona tao an-tranony. Ny teny hoe "fanahinareo" dia fomba fiteny ary misolo tena ireo olona. DH: "Jesosy Kristy Tompontsika anie ho tsara fanahy aminareo."

---

## Book: Hebrews

### Hebrews

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Taloha ela be Andriamanitra dia niresaka tamin'ny razambentsika tamin'ny alalan'ireo mpaminany tamin'ny fotoana maro sy tamin'ny fomba maro. <sup>2</sup> Fa amin'izao andro farany izao, dia niresaka tamintsika tamin'ny alalan'ny Zanaka lahy Izy, izay notendreny ho mpandova ny zavatra rehetra. Tamin'ny alalany ihany koa no naharian' Andriamanitra izao tontolo izao. <sup>3</sup> Izy no famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra, ilay endriky ny tenany indrindra. Na ny zavatra rehetra aza dia hazominy hiaraka amin'ny alalan'ny herin'ny teniny. Taorian'ny nanadiaovany ireo fahotana, dia nipetraka teo ambanin'ny tanan'ankavanana'ny Lehibe any amin'ny avo izy. <sup>4</sup> Lasa ambony tahaka ireo anjely Izy, satria ny anarana nolvainy dia tsara lavitra noho ny anaran'izy ireo. <sup>5</sup> Fa iza tamin'ireo anjely no mba nilazan'Andriamanitra hoe: "Zanako ianao, tonga rainao Aho androany" Ary indray hoe: "Ho ray ho azy Aho, ary izy ho zanaka ho Ahy"? <sup>6</sup> Ary koa, rehefa nitondra ny lahimateo teto amin'izao tontolo izao Andriamanitra, dia niteny Izy hoe: "Ireo anjelin'Andriamanitra rehetra dia tsy maintsy midera Azy." <sup>7</sup> Momba ireo anjely dia niteny Izy hoe: "Izy ilay iray nanao ireo anjelyny ho fanahy, ary ireo mpanompony nataony lelan'afo." <sup>8</sup> Fa momban'ny Zanaka dia hoy Izy hoe: "Ny seza fiandriananao, ry Andriamanitra, dia mandrakizay ary ho doria. Ny tehin'ny fanjakanao dia tehin'ny fitsarana. <sup>9</sup> Nitia ny fahamarinana ianao ary nankahala ny fandikan-dalana. Noho izany Andriamanitra, Andriamanitrao, dia nanosotra anao tamin'ny menaky ny hafaliana mihoatra noho ireo mpiara-dia aminao." <sup>10</sup> "Tany am-piandohana, ry Tompo, ianao no namorona ny fototry ny tany. Ireo lanitra dia asan'ny tananao. <sup>11</sup> Ho levona izy ireo, fa ianao hanohy. Ho rovitra tahaka ny tapa-damba izy ireo. <sup>12</sup> Hamoritra azy ireo tahaka ny fitafiana ianao, ary hovaina tahaka ny poti-damba izy ireo. Fa ianao dia tahaka izany, ary ny taonanao dia tsy hanampahataperana." <sup>13</sup> Fa iza tamin'ireo anjely no nitenenan' Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra hoe: "Mipetraka eo amin'ny tanana ankavanako mandra-panaovako ireo fahavalonao ho seza ho an'ny tongotrao"? <sup>14</sup> Moa ve ireo anjely rehetra tsy fanahy manompo, sy nalefa hiahy ireo izay handova ny famonjena?

#### Hebrews 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity sasin-teny ity dia mametraka ny fototra ho an'ny boky rehetra: tsy manan-tsahala ny halehiben'ny Zanaka lahy--Ilay Zanaka lahy dia lehibe noho ny rehetra. Ny boky dia manomboka amin'ny fanamafisana fa ny Zanaka lahy dia tsara kokoa noho ireo mpaminany sy ireo anjely.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Na dia tsy noresahina tamin'ny fanokafana aza, ity taratasy dia nosoratana ho an'ireo Hebreo (Jiosy) manokana, izay te-hahafantatra ireo andininy maro ao amin'ny Testamenta Taloha.

##### amin'izao andro farany izao

'amin'izao andro farany izao.' Ity fehezanteny ity dia milaza ny fotoana izay nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoany, natomboka mandrapahametrahana'Andriamanitra ny fitsipiny feno eo amin'ny zavaboariny.

##### tamin'ny alalan'ny Zanaka lahy

Ny hoe "Zanaka lahy" dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanaka lahin' Andriamanitra.

##### ho mpandova ny zavatra rehetra

Ny mpanoratra dia miresaka ny Zanaka lahy toy hoe handova harena sy fananana avy amin'ny Rainy Izy. DH: "mba hanana ny zava-drehetra"

##### Tamin'ny alalany ihany koa no naharian'Andriamanitra izao tontolo izao

"tamin'ny alalan'ny Zanaka lahy no nanaovan'Andriamanitra ny zava-drehetra"

##### famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra

"fahazavan'ny voninahiny." Ny voninahitr' Andriamanitra dia mifandray amin'ny hazavana tena mampirapiratra. Milaza ny mpanoratra fa ilay Zanaka lahy dia maneho izany fahazavana izany ary maneho tanteraka ny voninahitr' Andriamanitra.

##### ilay endriky ny tenany indrindra

"Ny endriky ny maha Andriamanitra." Izany dia mitovitovy dika-teny amin'ny hoe "famirapiratan' ny voninahiny." Ny Zanaka dia mampiseho ny toetra sy

ny maha izy Azy an'Andrimanitra ary maneho tanteraka ny zava-drehetra izay an'Andriamanitra. Afaka lazaina ho toy ny fehezanteny vaovao izany. DH: "Ny zanaka dia tahaka an'Andriamanitra ihany" na "Izay marina momban'Andriamanitra dia marina momban'ny Zanaka"

#### **herin'ny teniny**

"ny teniny mahery." Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra na didy. DH: "ny didiny mahery"

#### **Taorian'ny nanadiovany ireo fahotana**

DH: "Taorian'ny nahavitany nanadio antsika tamin'ireo fahotana"

#### **nipetraka teo ambanin'ny tanan'ankavanana'ny Lehibe any amin'ny avo izy.**

Eto ny teny hoe "tanana ankavanana" dia maneho ny toeram-boninahitra. DH: "nipetraka teo amin'ny toeram-boninahitra teo akaikin'ny Lehibe any amin'ny avo"

#### **ny Lehibe any amin'ny avo**

Eto ny teny "Lehibe" dia maneho an'Andriamanitra". DH: "Andriamanitra Avo Indrindra"

### **Hebrews 1:4**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny faminiana voalohany nindramina hoe (zanako ianao) dia avy any amin'ny Salamo. Ny mpaminany Samoela dia nanoratra ny faharoa (ho rainy aho). ny teny rehetra hoe "Izy" dia maneho an'i Jesosy, Ilay Zanaka. Ny teny hoe "ianao" dia maneho an'i Jesosy, ary ny teny hoe "izaho" dia maneho an'Andriaamanitra Ray.

#### **Lasa ... Izy**

"Ny Zanaka dia lasa"

#### **satria ny anarana nolvainy dia tsara lavitra noho ny anaran'izy ireo**

Eto ny teny hoe "anarana" dia maneho ny voninahitra sy fahefana. DH: "satria ny voninahitra sy ny fahefana izay nolvainy dia ambony noho ireo voninahitra sy fahehan'izy ireo"

#### **nolvainy**

Ny mpanoratra dia miresaka ny fandraisana voninahitra sy fahefana toy ny hoe mandova harena sy fananana avy any amin'ny rainy Izy. DH: "nandray Izy"

#### **Fa iza tamin'ireo anjely no mba nilazan'Andriamanitra hoe: "Zanako ianao ... ho zanaka ho Ahy**

Ity fanontaniana ity dia manamafy fa Andriamanitra tsy niantso anjely mihintsy ho zanany. DH: "Fa Andriamanitra tsy nilaza tamin'ny anjely mihintsy hoe: "Zanako ianao ... zanaka ho Ahy."

#### **Zanako ianao, tonga rainao Aho**

Ireo fehezanteny roa ireo dia manana dikan-teny mitovy.

#### **ary indray**

Ny teny hoe "indray" dia manondro fa misy fanontaniana faharoa mitovitovy dikan-teny. Ny teny hoe "indray" dia afaka esorina fotsiny na soloina amin'ilay fanontaniana. DH: "ary" na "ary izay tamin'ireo anjely no nilazan'Andriamanitra hoe"

### **Hebrews 1:6**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny ato amin'ity fizarana ity hoe (Ny anjelin'Andriamanitra rehetra ... ) dia nalaina avy any amin'iray tamin'ireo boky nosoratan'i Mosesy. Ny faharoa hoe ( Izy ilay nanao ... ) dia avy any amin'ny Salamo.

#### **ny lahimatoa**

Izany dia manambara an'i Jesosy. Ny mpanoratra dia maneho Azy hoe "lahimatoa" mba hanamafisana ny lanja sy fahefan'ny Zanaka lahy eo amin'ny olona rehetra. Izany dia tsy midika fa nisy fotoana talohan'ny nisian'i Jesosy na hoe Andriamanitra nanana zanaka hafa tahaka an'i Jesosy. DH: "Ny Zanany omem-boninahitra, ny Zanany tokana"

#### **dia niteny Izy**

"niteny Andriamanitra"

#### **Izy ilay iray nanao ireo anjely ho fanahy, ary ireo mpanompony nataony lelan'afo**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) "Andriamanitra nanao ireo anjely ho fanahy izay manompo Azy miaraka amin'ny hery toy ny lelan'afo" na 2) Andriamanitra manao ny rivotra sy ny lelan'afo ho mpitondra ny hafany sy mpanompony. Amin'ny teny fototra ny teny hoe "anjely" dia mitovy amin'ny hoe "mpitondra hafatra," ary ny teny hoe "fanahy" dia mitovy amin'ny hoe "rivotra." Amin'ny dikan-teny hafa, ny hevitra tiana hambara dia ny hoe manompo ny Zanaka ireo anjely satria ambony Izy.

### **Hebrews 1:8**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity tenin'ny Soratra Masina ity dia avy ao amin'ny Salamo.

#### **Fa momban'ny Zanaka dia hoy Izy hoe**

"Fa Andriamanitra miteny izao momban'ny Zanaka"

#### **Zanaka**

Izany dia fiantsoana lehibe an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

#### **Ny seza fiandriananao, ry Andriamanitra, dia mandrakizay ary ho doria**

Ny seza fiandrianan'ny Zanaka dia maneho ny fitsipiny. DH: "Ianao dia Andriamanitra, ary ny fanjakananao dia haharitra mandrakizay ary ho doria"

**Ny tehin'ny fanjakanao dia tehin'ny fitsarana**

Eto ny teny hoe "tehinana" dia maneho ny fitsipiky ny Zanakana. DH: "Ary hanapaka amin'ny olona eo amin'ny fanjakanao miaraka amin'ny rariny Ianao"

**nanosotra anao tamin'ny menaky ny hafaliana mihoatra noho ireo mpiara-dia aminao.**

Eto ny teny hoe "menaky ny hafaliana" dia maneho ny hafaliana izay tsapan'i Zanakana rehefa manome voninahitra Azy Andriamanitra. DH: "nanome voninahitra anao ary nanome hafaliana anao mihoatra noho ny olona rehetra"

**Hebrews 1:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manohy manazava fa Jesosy dia ambony noho ireo anjely.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny boky hafan'ny salamo.

**Tany am-piandohana**

"mialohan'ny nisian'ny zavatra rehetra"

**Ianao no namorona ny fototry ny tany**

Ny mpanoratra dia miresaka ny famoronan' Andriamanitra ny tany toy ny hoe nanamboatra trano eo amin'ny fototra Izy. DH: "Ianao no namorona ny tany"

**Ireo lanitra dia asan'ny tananao**

Eto ny teny hoe "tananao" dia maneho ny herin'Andriamanitra sy ny zavatra ataony. DH: "Inana no nanao ireo lanitra"

**Ho levona izy ireo**

"Ireo lanitra sy tany dia hanjavona" na "Ireo lanitra sy tany dia tsy hisy intsony"

**Ho rovitra tahaka ny tapa-damba**

Ny mpanoratra dia miresaka ireo lanitra sy tany toy ny hoe tapa-damba izay tonga antitra izy ireo ary farany lasa tonga tsy misy ilàna azy.

**Hamoritra azy ireo tahaka ny fitafiana**

Ny mpanoratra dia miresaka ireo lanitra sy tany toy ny hoe akanjo lava na karazan'akanjo ivelany hafa.

**hovaina tahaka ny poti-damba izy ireo**

Ny mpanoratra dia miresaka ireo lanitra sy tany toy hoe akanjo izay afaka hasolo amin'ny akanjo hafa ireo.

**hovaina ... izy ireo**

Afaka adika hoe. DH: "Ianao dia hanova azy ireny"

**ny taonanao dia tsy hanam-pahataperana**

Ny fotoana eto dia nampiasaina mba hanehoana fa mandrakizay ny fisian'Andriamanitra. DH: "ny fiainanao dia tsy hifarana mandrakizay"

**Hebrews 1:13****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny boky hafan'ny Salamo.

**Fa iza tamin'ireo anjely no nitenenan' Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra hoe ... tongotrao?"**

Ny mpanoratra dia mampiasa fanontanina eto mba hanamafisana fa Andriamanitra tsy mba niteny izany tamin'ireo anjely mihintsy. DH: "Fa Andriamanitra tsy niteny tamin'ireo anjely mihintsy tamin'ny fotoana rehetra hoe ... tongotrao.""

**Mipetraha eo amin'ny tanana ankavanako**

Eto ny teny hoe "tanana ankavanako" dia maneho ny toeram-boninahitra. DH: "mipetraha eto akaikiko eto amin'ny toeram-boninahitra"

**mandra-panaovako ireo fahavalonao ho seza ho an'ny tongotrao**

Ireo fahavalon'i Kristy dia resahina toy ny hoe ho lasa zavatra izay hitoeran'ny tongotry ny mpanjaka izy ireo. Izany sary izany dia maneho faharesena sy tsy fanomezam-boninahitra an'ireo fahavalony.

**Moa ve ireo anjely rehetra tsy fanahy ... handova ny famonjena?**

Ny mpanoratra dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hampatsiahivana ireo mpamaky fa ireo anjely dia tsy mahery tahaka an'i Kristy, fa manana andraikitra hafa. DH: "Ireo anjely rehetra dia fanahy izay ... handova ny famonjena."

**ireo izay handova ny famonjena**

Ny fandraisana izay nampantanain' Andriamanitra an'ireo mpino dia resahina toy ny hoe mandova fananana sy harena avy any amin'ny isan'ny fianakaviana. DH: "Ho an'ireo izay ho vonjen'Andriamanitra"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Noho izany isika dia tsy maintsy mitandrana bebe kokoa amin'izay rentsika, mba tsy hanara-drenirano amin'izany isika. <sup>2</sup> Fa raha marina ny hafatra izay notenenina tamin'ny alalan'ireo anjely, ary ny fandikan-dalàna rehetra sy ny tsy fankatoavana dia mandray sazy ara-drariny, <sup>3</sup> dia ahoana ary no hafahantsika mandositra raha tsy miraharaha izany famonjena lehibe loatra izany isika? Io no famonjena izay nambaran'ny Tompo voalohany sy namafisin'ireo izay nandre izany tamintsika. <sup>4</sup> Tamin'io fotoana io ihany Andriamanitra dia nanaporofa izany tamin'ny famantarana, fahagagana, ary asa mahery samihafa, ary tamin'ny fizarana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina araka ny sitrapony. <sup>5</sup> Fa tsy tamin'ny anjely no nampaneken' Andriamanitra izao tontolo izao ho avy, momba izay resahantsika. <sup>6</sup> Fa kosa, nisy olona nijoro vavolombelona an'izany tany ho any, manao hoe: "Inona ny olona, no misaina azy ianao? Na ny zanak'olona, no mikarakara azy ianao?" <sup>7</sup> Ianao dia nanao ny olona ambany kely noho ireo anjely; nosatrohinao satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera izy. <sup>[1]8</sup> Ny zavatra rehetra dia nampanekenao eo ambanin' ny tongony." Fa ho azy no nampaneken' Andriamanitra ny zavatra rehetra. Tsy namela na inona na inona izy ka tsy nampaneken' azy. Fa ankehitriny isika dia tsy mbola mahita ny zavatra rehetra nampanekena azy. <sup>9</sup> Fa isika mahita ilay iray izay nataony ambany noho ireo anjely nandritry ny fotoana fohy: Jesosy, izay, nohon'ny fijaliany sy ny fahafatesany, dia nosatrohina satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera. Ka ankehitriny tamin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra, no nanandramany ny fahafatesana ho an'ny olona rehetra. <sup>10</sup> Fa mety amin'Andriamanitra izany, satria ny zavatra rehetra dia misy ho Azy ary amin'ny alalany, mba hitondra zanaka maro ho any amin'ny voninahitra. Mety aminy ny hahatonga ny mpitarika ny famonjena azy ireo ho feno amin'ny alalan'ny fijaliany. <sup>11</sup> Fa na ny olona izay manamasina na ireo izay voamasina dia manana loharano iray. Noho izany dia tsy menatra miantso azy ireo hoe rahalahy Izy. <sup>12</sup> Hoy Izy hoe: "Hanambara ny anaranao amin'ireo rahalahiko Aho, hihira ny momba anao avy ao anatin'ny fivondronana Aho." <sup>13</sup> Ary koa, "Hatoky azy aho." Ary koa: "Indro, eto aho sy ireo zanaka izay nomen'Andriamanitra ahy." <sup>14</sup> Noho izany, satria nofo amandrà ireo zanak'Andriamanitra, dia nizara zavatra toy izany niaraka tamin'izy ireo ihany koa Jesosy, mba ho amin'ny alalan'ny fahafatesana no hanafoanany ny iray izay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly izany. <sup>15</sup> Izany dia mba hanafahany ireo rehetra izay nohon'ny tahotra ny fahafatesana dia niaina ny fiainan'izy rehetra ireo tao amin'ny fanandevozana. <sup>16</sup> Fa mazava ho azy fa tsy ireo anjely no vonjeny; fa kosa, ny taranak'i Abrahama. <sup>17</sup> Noho izany dia mendrika Azy ny atao tahaka ireo rahalahiny amin'ny fomba rehetra, mba ho mpisoronabe feno famindram-po sy fahatokisana Izy amin'ny fifandraisana amin'ireo zavatr' Andriamanitra, ary mba hitondra momban'ny famelana ireo fahotan'ny olona. <sup>18</sup> Satria Jesosy mihintsy no nijaly sy nalaina fanahy, dia afaka manampy ireo izay alaim-panahy Izy.

### Footnotes

2:7 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany taloha dia miampy hoe: "Ary ianao nametraka azy ambonin'ireo asan'ny tananao."

### Hebrews 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no voalohany amin'ireo fampitandremana maika dimy izay omen'ny mpanoratra.

#### isika dia tsy maintsy

Eto ny teny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpamaky.

#### mba tsy hanara-drenirano amin'izany isika

Ny fihenana ny finoana ny tenin'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe lakana manara-drenirano irery eny amin'izay tokony hisy azy fotsiny. DH: "mba tsy hiala tsikelikely ny finoantsika izany"

### Hebrews 2:2

#### Fa raha marina ny hafatra izay notenenina tamin'ny alalan'ireo anjely

Ireo Jiosy dia nino fa Andriamanitra dia niteny ny lalàny tamin'i Mosesy tamin'ny alalan'ireo anjely. DH: "Fa raha marina ny hafatra izay notenenin' Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo anjely"

#### Fa raha marina ny hafatra

Ny mpanoratra dia resy lahatra fa marina ireo zavatra ireo. DH: "Satria marina ny hafatra"

#### marina

"dia azo antoka"



**ny fandikan-dalàna rehetra sy ny tsy fankatoavana dia mandray sazy ara-drariny**

Eto ny teny hoe "fandikan-dalàna" na "tsy fankatoavana" dia ho an'ny olona izay tena mihazona amin'ireo fahotana ireo. DH: "Ny olona rehetra izay manota sy tsy mankatoa dia handray ny sazy ara-drariny"

**fandikan-dalàna rehetra sy ny tsy fankatoavana**  
Ireo teny roa ireo dia mitovy dikan-teny.

**dia ahoana ary no hafahantsika mandositra raha tsy miraraha izany famonjena lehibe loatra izany isika?**  
Ny mpanoratra dia manpiasa fanontaniana mba hanamafisana fa ny olona dia hahazo sazy tokoa raha tsy manaiky ny famonjen'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy izy ireo. DH: "ary azo antoka fa hanasazy antsika Andriamanitra raha tsy mitandrana ny hafany momban'ny fomba hamonjen'Andriamanitra antsika isika!"

**tsy miraharaha**  
"tsy manisny dikany"

**Io no famonjena izay nambaran'ny Tompo voalohany**  
DH: "Ny Tompo tenany mihintsy no nanambara voalohany ny hafatra momban'ny fomba hamonjen'Andriamanitra antsika"

**sy namafisin'ireo izay nandre izany tamintsika**  
DH: "ary ireo izay nandre ny hafatra dia nanamafy izany tamintsika"

**araka ny sitrapony**  
"araka ny fomba izay tiany anaovany izany"

## Hebrews 2:5

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny mpanoratra dia mampatsiahy ireo mpino Hebreo ireo fa ny tany dia ho eo ambanin'ny fanapahan'i Jesosy Tompo indray andro any.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny teny nindramina eto dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo ao amin'ny Testamenta Taloha. Izany dia mitohy ao amin'ny fizarana manaraka.

**Fa tsy tamin'ny anjely no nampaneken' Andriamanitra**  
"Fa Andriamanitra tsy nanao ireo anjely ho mpanapaka amin'ny"

**izao tontolo izao ho avy**  
Eto ny teny hoe "izao tontolo izao" dia maneho ny olona izay miaina ao. Ary ny teny hoe "ho avy" dia midika fa ity ilay izao tontolo izao amin'ny vanim-potoana manaraka aorian'ny hiverenan'i Kristy. DH: "ny olona izay hiaina ao amin'ny tontolo vaovao"

**Inona ny olona, no misaina azy ianao?**  
Ity fanontaniana ity dia nampiasaina mba hanamafisana fa ny olombelona dia tsy dia manan-danja eo amin'Andriamanitra mba hitandrana azy

ireny. DH: "Tsy misy olombelona tena mendrika Anao mba hisaina momba Azy!"

**Na ny zanak'olona, no mikarakara azy ianao?**  
Ity dia mitovy amin'ilay fanontaniana voalohany. Ity fanontaniana ity dia milaza fahatairana fa ny olombelona dia tsy tena manan-danja amin'Andriamanitra mba hikarakarana azy ireo. DH: "Tsy misy olombelona tena mendrika Anao, mba hikarakara azy!"

## Hebrews 2:7

**ambany kely noho ireo anjely**  
Ny mpanoratra dia miresaka ny olombelona ho tsy dia manan-danja noho ireo anjely toy ny hoe mijoro eo amin'ny toerana izay ambany noho ny fijoroan'ireo anjely ny olona. DH: "tsy dia manan-danja noho ireo anjely"

**nanao ny olona ... nosatrohanao izy ... ny tongony ... ho azy**  
Eto, ireo fehezanteny ireo dia tsy maneho olona manokana fa ny olombelona rehetra amin'ny ankapobeny, ao anatin'izany na ny lahy na ny vavy. DH: "nanao ny olombelona ... nosatrohana izy ireo ... ny tongon'izy ireo .. ho azy ireo"

**nosatrohanao satro-boninahitra tamin'ny voninahitra izy**  
Ireo fanomezana ny voninahitra sy haja dia nolazaina toy ny hoe fiarovan-doha napetraka teo amin'ny lohan'ny atleta mpandresy. DH: "nomenao voninahitra sy haja lehibe izy ireo"

**Ny zavatra rehetra dia nampanekenao eo ambanin'ny tongony**  
Ny mpanoratra dia miresaka momban'ny olombelona izay mifehy ny zava-drehetra toy ny hoe nizotra ny zava-drehetra tamin'ny tongony izy ireo. DH: "Nomenao azy ireo ny fifehezana ny zavatra rehetra"

**Tsy namela na inona na inona izy ka tsy nampaneken' azy**  
Ireo fandavana roa ireo dia midika fa ny zava-drehetra dia hampanekena an'i Kristy. DH: "Andriamanitra nampanaiky ny zava-drehetra ho azy ireo"

**isika dia tsy mbola mahita ny zava-drehetra nampanekena azy.**  
"fantatsika fa ny olombelona dia tsy mbola mifehy ny zava-drehetra"

## Hebrews 2:9

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny mpanoratra dia mampatsiahy ireo mpino Hebreo ireo fa Kristy dia lasa ambany noho ireo anjely rehefa tonga teto an-tany Izy mba hijaly amin'ny fahafatesana ho famelana ireo heloka, ary lasa mpisoronabe be famindram-po ho an'ireo mpino.

**isika mahita ilay iray**  
"fantatsika fa misy iray"

**izay natao ambany**  
DH: "Izay nataon'Andriamanitra"

**ambany noho ireo anjely ... nosatrohina satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera**  
Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 2:7 ireo.

**nosatrohina satro-boninahitra**  
DH: "Andriamanitra nanome satro-boninahitra Azy"

**nanandramany ny fahafatesana**  
Ny fiainana ny fahafatesana dia resahina toy ny hoe sakafo izay nandramana. DH: "niaina ny fahafatesana" na "maty"

**ho an'ny olona rehetra**  
Eto ny teny hoe "olona" dia midika ny olona rehetra amin'ny ankapobeny, na lahy na vavy.

**hitondra zanaka maro ho any amin'ny voninahitra**  
Ny faomezana ny voninahitra dia resahina toy ny hoe toerana afaka hitondrana ireo olona. DH: "hamonjy zanaka maro"

**zanaka maro**  
Eto ity dia maneho ireo mpino ao amin'i Kristy, na lahy na vavy. DH: "mpino maro"

**ny mpitarika ny famonjena azy ireo**  
Ny mpanoratra dia miresaka ny famonjena toy ny hoe toerana izay hitondran'i Jesosy azy ireo. Izany dia midika fa Jesosy no olona niasa voalohany mba hamonjena ireo hafa. DH: "ilay iray izay mamonjy ny olona hafa"

**ho feno**  
Ny tonga matotra sy voahofana tanteraka dia resahina toy ny hoe nisy olona nofenoina, mety hoe feno amin'ny faritra rehetra amin'ny vatany.

## Hebrews 2:11

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ity teny faminaniana nindramina ity dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo nataon'i Davida Mpanjaka.

**ny olona izay manamasina**  
"ny olona izay manamasina ny hafa" na "ny olona izay manadio ny hafa amin'ny fahotana"

**ireo izay voamasina**  
DH: "ireo izay namasininy" na "ireo nodioviny tamin'ny fahotana"

**manana loharano iray**  
DH: "manana loharano iray, dia Andriamanitra tenany" na "manana Ray mitovy"

**tsy menatra ... Izy**  
"tsy menatra Jesosy"

**tsy menatra miantso azy ireo hoe rahalahy**  
Izany dia midika fa izy dia hiantso azy ireo tahaka ny rahalahiny. DH: "faly miantso azy ireo hoe rahalahiny"

**rahalahy**  
Eto ity dia maneho ireo rehetra izay nino an'i Jesosy, na lahy na vavy.

**Hanambara ny anaranao amin'ireo rahalahiko Aho**  
Eto ny teny hoe "anarana" dia maneho ny lazan'ny olona iray sy ny zavatra izay vitan'izy ireo. DH: "Hitory amin'ireo rahalahiko ireo zavatra lehibe izay vitanao Aho"

**anatin'ny fivondronana**  
"rehefa tonga miara-mivory midera an' Andriamanitra ireo mpino"

## Hebrews 2:13

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Isaia mpaminany no nanoratra ireto teny nindramina ireto.

**Ary koa**  
"Ary nisy mpaminany nanoratra tany amin'ny andalan-tenin-tsoratra Masina hafa ny amin'izay nolazain'i Kristy momban'Andriamanitra:"

**ireo zanaka ... ireo zanak'Andriamanitra**  
Izany dia milaza momban'ireo izay mino ao amin'i Kristy toy ny hoe zanaka izy ireo. DH: "ireo izay tahaka ny zanako ... ireo izay tahaka ny zanaka amin'Andriamanitra"

**satria nofo aman-drà**  
Ny teny hoe "nofo aman-drà" dia maneho ny toetran'ny maha-olona ny olombelona. DH: "olombelona avokoa"

**Jesosy ihany koa dia nizara zavatra toy izany niaraka tamin'izy ireo**  
"Jesosy dia tonga olona tahaka azy ireo"

**manana ny herin'ny fahafatesana**  
DH: "manana ny hery ahahatonga ny olona ho faty"

**Izany dia mba hanafahany ireo rehetra izay nohon'ny tahotra ny fahafatesana dia niaina ny fiainan'izy rehetra ireo tao amin'ny fanandevozana**  
Ny tahotra ny fahafatesana dia resahina toy ny hoe fanandevozana izany. Ny fanalana ny tahotry ny olona dia resahina toy ny hoe fanafahana izany olona izany amin'ny fanandevozana. DH: "Izany dia mba anafahany ny olona rehetra. Fa isika dia miaina toy ireo andevo satria natahotra ny ho faty"

## Hebrews 2:16

**ny taranak'i Abrahama**  
Ireo taranak'i Abrahama dia resahina toy ny hoe voa.

**Mendrika Azy**  
"mendrika an'i Jesosy"

**tahaka ireo rahalahiny**  
Eto ny teny hoe "ireo rahalahiny" dia milaza ireo olona amin'ny ankapobeny. DH: "toy ny olombelona"

**mba hitondra momba ny famelana ireo fahotan'ny olona**  
Ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana dia midika fa afaka mamela heloka Andriamanitra. DH:

"Afaka ataony mamela ny fahotan'ny olona Andriamanitra"

**nalaina fanahy**  
DH: "Satana naka fanahy Azy"

**ireo izay alaim-panahy**  
DH: "ireo izay alain'i Satana fanahy"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Noho izany, ry rahalahy masina, nizara ny antson'ny lanitra ianareo. Saino ny momban'i Jesosy, ny apostoly sy mpisoronabe izay ekentsika. <sup>2</sup> Izy dia nahatoky an'Andriamanitra, izay nanendry azy, tahaka an'i Mosesy izay nahatoky tao an-tranon'Andriamanitra ihany koa. <sup>3</sup> Fa Jesosy dia efa noraisina mendrika ny voninahitra lehibe noho Mosesy, satria izay manorina ny trano no manan-kaja bebe kokoa noho ilay trano. <sup>4</sup> Fa ny trano rehetra dia nisy olona nanorina, fa ny iray izay nanorina ny zavatra rehetra dia Andriamanitra. <sup>5</sup> Amin'ny lafiny iray, Mosesy dia natokisana toy mpanompo tao an-tranon'Andriamanitra iray manontolo. Izy no vavolombelona momba ireo zavatra izay tokony efa nolazaina amin'ny ho avy. <sup>6</sup> Fa Kristy no Zanaka miandraikitra ny tranon'Andriamanitra. Isika no tranony raha toa ka mihazona mafy ny herim-po sy ny fahatokiantsika isika. <sup>7</sup> Noho izany, izany dia tahakan'ny lazain'ny Fanahy masina hoe: "Anio, raha mandre ny feony ianareo <sup>8</sup> dia aza manamafy ny fonareo toy ny amin'ny fikomiana, amin'ny fotoanan'ny fitsapana any an'efitra. <sup>9</sup> Toy izany ny razambenareo rehefa nikomy tamin'ny alalan'ny fitsapana Ahy, ary rehefa, nandritry ny efapolo taona, dia hitan'izy ireo ny asako. <sup>10</sup> Noho izany dia tsy faly Aho amin'io taranaka io. <sup>11</sup> Hoy Aho hoe: 'Izy ireo dia voatarika mandrakariva any amin'ny lalan-diso ao am-pony. Tsy nahafantatra ny lalako izy ireo. Tahaka izany no nianianako tamin'ny fahatezerako hoe: 'Tsy hiditra ao amin'ny fitsaharako velively izy ireo.'" <sup>12</sup> Mitandrema, ry rahalahy, mba tsy hisy na iray aminareo aza no hanana fo ratsin'ny tsy finoana, fo izay miala amin'Andriamanitra velona. <sup>13</sup> Fa kosa, mifampahereza isan'andro, raha mbola misy ny antsoina hoe: "Anio", mba tsy hisy aminareo ho mafy fo amin'ny alalan'ny fitaky ny fahotana. <sup>14</sup> Fa isika dia tonga mpiara-miasa amin'i Kristy raha toa ka mihazona mafy ny fahatokisantsika Azy hatrany am-piandohana ka hatrany amin'ny fiafarana. <sup>15</sup> Fa ny momba izany dia efa voalaza hoe: "Anio, raha mandre ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo, toy ny amin'ny fikomiana." <sup>16</sup> Iza izy izay efa nandre an'Andriamanitra ka nikomy? Fa tsy ireo rehetra izay nivoaka avy tany Egipta tamin'ny alalan'i Mosesy ve izany? <sup>17</sup> Iza no nahatezitra azy nandritry ny efapolo taona? Tsy ireo izay nanota ve, izay lavo tany an'efitra ny fatin'izy ireo? <sup>18</sup> Ho an'iza no nianianany fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany izy ireo, raha tsy ho an'ireo izay tsy nankatoa Azy? <sup>19</sup> Hitantsika fa tsy afaka niditra tao amin'ny fitsaharany izy ireo nohon'ny tsy finoana.

### Hebrews 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity fampitandremana faharoa ity dia lava sy manazava tsara kokoa ary manpiditra ny toko faha 3 sy faha 4. Ny mpanoratra dia manomboka amin'ny fanehoana fa Kristy dia tsara kokoa noho ny mpanompony Mosesy.

#### ry rahalahy masina

Eto ny teny hoe "rahalahy" dia maneho ireo namana Kristiana, na lahy na vavy. DH: "ry rahalahy sy anabavy masina" na "ry namako mpino masina"

#### nizara ny antson'ny lanitra ianareo

Eto ny teny hoe "lanitra" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "Andriamanitra niantso antsika miaraka"

#### apostoly

Eto izany teny izany dia midika olona izay nirahina. Eto amin'ity andininy ity, dia tsy maneho na dia iray amin'ireo apostoly roa ambin'ny folo aza izany. DH: "ilay iray izay nirahina"

#### izay ekentsika

DH: "izay inoantsika"

#### tao an-tranon'Andriamanitra

Ny olona Hebreo izay nanehon'Andriamanitra ny tenany dia resahina toy ny hoe ao an-trano ara-bakiteny izy ireo. DH: "ho an'ireo olon' Andriamanitra rehetra"

#### Jesosy dia efa noraisina

DH: "Andriamanitra dia nandray an'i Jesosy"

#### ny iray izay nanorina ny zavatra rehetra

Ny asan'Andriamanitra tamin'ny famoronana izao tontolo izao dia resahina toy ny hoe nanamboatra trano Izy.

#### Fa ny trano rehetra dia nisy olona nanorina

DH: "ny trano rehetra dia nanana olona nanamboatra izany"

### Hebrews 3:5

#### Amin'ny lafiny iray

Ity fehezanteny ity dia manomboka fampitahana an'i Mosesy sy Kristy.

#### ao an-tranon'Andriamanitra iray manontolo

Ny olona Hebreo izay nanehon'Andriamanitra ny tenany dia resahina toy ny hoe trano ara-bakiteny izy ireo. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 3:1

**Izy no vavolombelona momba ireo zavatra**

Ity fehezanteny ity dia mety maneho ireo asan'i Mosesy rehetra. DH: "Ny fiainan'i Mosesy sy ny asany milaza ireo zavatra"

**tokony efa nolazaina amin'ny ho avy**

DH: "Jesosy dia te-hiteny ny amin'ny ho avy"

**Zanaka**

Ity dia fiantsoana lehibe an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**miandraikitra ny tranon'Andriamanitra**

Ity dia miresaka momban'ireo olon'Andriamanitra toy ny hoe trano ara-bakiteny izy ireo. DH: "izay manapaka eo amin'ireo olon'Andriamanitra"

**Isika no tranony**

Ity dia miresaka ny olon'Andriamanitra toy ny hoe trano ara-bakiteny izy ireo. DH: "Isika dia olon'Andriamanitra"

**raha toa ka mihazona mafy ny herim-po sy ny fahatokiantsika isika.**

DH: "raha mitohy ho mahery fo isika sy manantena an'Andriamanitra am-pifaliana fa hanao izay zavatra nampanantenainy Izy"

**Hebrews 3:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny fampitandremana eto dia fampatsiahivana fa ireo Isiraelita tsy mino dia nitazona saika ny rehetra tamin'izy ireo ny amin'ny fidirana ao amin'ny tany izay nampanantenain' Andriamanitra azy ireo. Ny tsy finoan'izy ireo dia nolazaina tsara ao amin'ny Exosodasy 17:1, rehefa nitaraina tamin'i Mosesy izy ary nisalasala fa Andriamanitra dia niaraka tamin'izy ireo.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny Testamenta Taloha tao amin'ny bokin'ny Salamo.

**raha mandre ny feony ianareo**

Ny didin'Andriamanitra tamin'Israely dia resahina toy ny hoe nanome azy ireo tamin'ny feo re tsara izy. DH: "raha mandre an'Andriamanitra miteny ianareo"

**aza manamafy ny fonareo**

Ny fahamafisana dia resahina toy ny hoe fo izay nohamafisina ara-batana izany. DH: "Aza mafy loha"

**toy ny amin'ny fikomiana, amin'ny fotoanan'ny fitsapana any an'efitra.**

DH: "tahaka ireo razambenareo rehefa nikomy nanohitra an'Andriamanitra sy nitsapa Azy tany an'efitra"

**Hebrews 3:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity teny nindranima ity dia avy ao amin'ny Salamo.

**ny razambenareo**

Eto ny teny hoe "nareo" dia maneho ireo vahoakan'Israely.

**tamin'ny alalan'ny fitsapana Ahy**

Eto ny teny hoe "Ahy" dia maneho an' Andriamanitra.

**tsy faly Aho**

"tezitra Aho" na "tena tsy faly tanteraka Aho"

**Izy ireo dia voatarika mandrakariva any amin'ny lalan-diso ao am-pony.**

DH: "Izy ireo dia mandeha mandrakariva any amin'ny lalan-diso ao am-pony" na "ny fon'izy ireo dia mankany amin'ny lalan-diso foana"

**Izy ireo dia voatarika mandrakariva amin'ny lalan-diso tao am-pony.**

Ireo olona tsy mahatoky an'Andriamanitra dia nolazaina ho toy ny olona mitarika azy ireo ny lalana marina mba hanaraka. DH: "Izy ireo dia mandà ny anaraka Ahy" na "tsy hanao izay zavatra didiko izy ireo"

**ao am-pony**

Eto ny teny hoe "fo" dia maneho ny saina na fanirian'izy ireo.

**Tsy nahafantatra ny lalako izy ireo**

Ity dia miresaka ny fomba fitondrana ny fiainan'ny iray toy ny hoe lalana izany. DH: "Tsy takatr'izy ireo hoe ahoana ny faniriako mba hitondran'izy ireo ny fiainany"

**'Tsy hiditra ao amin'ny fitsaharako velively izy ireo**

Ny fiadanana sy ny fiarovana nomen' Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny izy ireo, sy toy ny hoe toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "Izy ireo dia tsy hiditra ao amin'ny toeran'ny fitsaharana mihintsy" na "Tsy amela azy ireo hiaina ireo fitahian'ny fitsaharako Aho"

**Hebrews 3:12****ry rahalahy**

Eto ity dia maneho ireo namana Kristiana ao antin'izany na lahy na vavy. DH: "ry rahalahy sy anabavy" na "ry namana mpino"

**tsy hisy na iray aminareo aza no hanana fo ratsin'ny tsy finoana**

Ny fo eto dia resahina toy ny hoe fisainan'ny olona, ny ivon'ny sitrapon'ny olona sy ny zontom-po. DH: "tsy hisy hitsahatra ny amin'ny finoana an'Andriamanitra ianareo"

**fo izay miala amin'Andriamanitra velona**

Ny fon'ny olona dia resahina toy ny hoe ilay maha-olona manontolo, izay afaka miala amin'ny lalamarina tokony harahina. DH: "ary tsy mankatoa an'Andriamanitra velona intsony ianareo"

**Andriamanitra velona**

"Ilay Andriamanitra marina izay tena velona"

**raha mbola misy ny antsoina hoe: "Anio"**

"Raha mbola misy fahafahana"

**tsy hisy aminareo ho mafy fo amin'ny alalan'ny fitaky ny fahotana**

DH: "ny fitaky ny fahotana dia tsy hanamafy na iza na iza aminareo"

**tsy hisy aminareo ho mafy fo amin'ny alalan'ny fitaky ny fahotana**

Ny fahamfisana dia resahina toy ny hoe mafy na manana fo mafy. Ny fahamfisana dia vokatry ny famitahan'ny ota. DH: "tsy hisy ho voafitaky ny ota ary ho tonga mafy loha aminareo" na "tsy manota ianareo, mamitaka ny tenanareo mba ho lasa mafy loha"

**Hebrews 3:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia manohy ny teny nindramina avy tao amin'ny bokin'ny Salamo ihany izay nolazaina tao amin'ny 3:7

**Fa isika dia tonga**

Eto ny teny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpamaky.

**raha toa ka mihazona mafy ny fahatokisantsika Azy**

"raha manohy mahatoky tanteraka Azy isika"

**hatrany am-piandohana**

"hatramin'ny nanombohantsika nino Azy voalohany"

**hatrany amin'ny fiatarana**

Ity dia fomba mihaja hanehoana ny fahafatesan'ny olona iray. DH: "mandrapaha-fatintsika"

**efa voalaza hoe**

DH: "ny mpanoratra dia nanoratra"

**"Anio, raha mandre ... ianareo**

Ny baikon'Andriamanitra tamin'Isiraely dia resahina toy ny hoe nanome azy ireo tamin'ny feo tsara Izy. DH: "Raha mandre an'Andriamanitra

miteny ianareo." Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 3:7.

**toy ny amin'ny fikomiana**

DH: "tahaka ireo razambenareo rehefa nikomy nanohitra an'Andriamanitra." jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 3:7

**Hebrews 3:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo Isiraelyta tsy mankatoa, ary ny teny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpamaky.

**Iza izy izay efa nandre an'Andriamanitra ka nikomy? Fa tsy ireo rehetra izay nivoaka avy tany Egipta tamin'ny alalan'i Mosesy ve?**

Ny mpanoratra dia mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpamakiny. Ireo fanontaniana roa ireo dia afaka hampiraisina ho fanambarana iray, raha ilaina. DH: "Ireo rehetra izay nivoaka avy tao Egipta niaraka tamin'i Mosesy dia nandre an'Andriamanitra, nefa mbola nikomy izy ireo."

**Iza no nahatezitra Azy nandritry ny efapolo taona? Tsy ireo izay nanota ve, izay lavo tany an'efitra ny fatin'izy ireo?**

Ny mpanoratra dia mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpamakiny. Ireo fanontaniana roa ireo dia afaka hampiraisina ho fanambarana iray, raha ilaina. DH: "Andriamanitra dia tezitra nandritry ny efapolo taona tamin'ireo izay nanota ary namela azy ireo ho faty tany an'efitra."

**Ho an'iza no nianianany fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany izy ireo, raha tsy ho an'ireo izay tsy nankatoa Azy?**

Ny mpanoratra dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hampianarana ireo mpamakiny. DH: "Ary ho an'ireo izay tsy nankatoa no nianianany fa Izy dia tsy hamela azy ireo hiditra ao amin'ny fitsaharany."

**tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany izy ireo**

Ny fiadanana sy ny fiarovana nomen' Andriamanitrady dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny izy ireo, sy toy ny hoe toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "Izy ireo dia tsy hiditra ao amin'ny toeran'ny fitsaharana" na "izy ireo dia tsy hiaina ireo fitahian'ny fitsaharany"

**nohon'ny tsy finoana**

Eto ny hoe "tsy finoana" dia afaka adika amin'ny matoanteniny hoe "mahatoky". DH: "satria izy ireo dia tsy nahatoky Azy"

## Chapter 4

<sup>1</sup> Noho izany, aoka hitandrina tsara isika mba tsy hisy aminareo ny tsy afaka hahatratra ny teny fampantanentana navela ho anareo mba hidiranareo ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra. <sup>2</sup> Fa isika dia nanambarana ny vaovao mahafaly tahaka azy ireo. Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay tsy nitambatra tao amin'ny finoana niaraka tamin'ireo izay nankatoa. ('Fanamarihana: ny dikanten'ny sasany dia mivaky toy izao: "Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay nandre azy tamin'ny tsy finoana.") <sup>3</sup> Fa isika izay nino dia ireo izay hiditra amin'izany fitsaharana izany, araka izay efa nolazainy hoe: "Tahaka ny nianianako tamin'ny fahatezerako, dia tsy hiditra velively ao amin'ny fitsaharako izy ireo." Fa na izany koa aza, ny asa famoronany dia vita tamin'ny fanorenana izao tontolo izao. <sup>4</sup> Fa izy niteny tany ho any momban'ny andro faha-fito hoe: "Andriamanitra nitsahatra tamin'ny andro faha-fito tamin'ny asany rehetra." <sup>5</sup> Ary mbola niteny indray izy hoe: "Izy ireo dia tsy hiditra velively ao amin'ny fitsaharako." <sup>6</sup> Noho izany, satria mbola voatokana ho an'ny sasany ny fidirana ao amin'ny fitsaharany, ary satria maro ireo Israelita nandre ny vaovao mahafaly tsy niditra tao nohon'ny tsy fankatoavana, <sup>7</sup> dia nametraka andro iray indray nantsoina hoe: "Androany" Andriamanitra. Taorian'ny andro maro, dia niresaka tamin'ny alalan'i Davida Izy, toy izay voalaza mialoha hoe: "Anio raha mandre ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo." <sup>8</sup> Fa raha Josoa no nanome fitsaharana azy ireo, dia tsy niresaka momban'ny andro iray hafa Andriamanitra. <sup>9</sup> Noho izany dia mbola misy sabata fitsaharana voatokana ho an'ny vahoakan' Andriamanitra. <sup>10</sup> Fa izay miditra ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra dia nitsahatra tamin'ny asany ihany koa, tahaka ny nataon'Andriamanitra tamin'ny Azy. <sup>11</sup> Noho izany aoka isika hazoto hiditra amin'izany fitsaharana izany, mba tsy hisy na iray aza ho tafalatsaka amin'ny karazana tsy fankatoavana izay nataon'izy ireo. <sup>12</sup> Fa ny tenin'Andriamanitra dia velona sy mandaitra ary maranitra noho ny sabatra roa lela. Izany dia manindrona hatramin'ny fanasarahana ny aina amin'ny fanahy, sy ny tonona amin'ny tsoka mihintsy aza. Ka afaka fantarina ny eritreritry ny fo sy ireo fikasana. <sup>13</sup> Tsy nisy famoronana niafina teo anatrehan'Andriamanitra. Fa kosa, ny zavatra rehetra dia miharihary sy misokatra eo imason'ilay iray izay tsy maintsy hampamoahintsika. <sup>14</sup> Noho izany, satria isika dia manana mpisoronabe lehibe izay lasa namaky ny lanitra, Jesosy Zanak'Andriamanitra, dia andeha isika hifikitra mafy amin'ny finoantsika. <sup>15</sup> Fa isika dia tsy manana mpisoronabe izay tsy mahatsapa fangorahana amin'ny fahalementsika. Fa kosa, isika dia manana olona iray izay efa nalaim-panahy tamin'ny fomba rehetra tahaka antsika, saingy Izy tsy misy ota. <sup>16</sup> Aoka ary isika andeha amin'ny fahatokiana ho any amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana, mba handraisantsika ny famindram-po sy hahita fahasoavana hanampy amin'ny fotoana ilàna izany.

### Hebrews 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny toko faha 4 dia manohy ny fampitandremana an'ireo mpino nanomboka tao amin'ny 3:7. Andriamanitra, amin'ny alalan'ny mpanoratra, dia manome an'ireo mpino fitsaharana izay sary ny ny fitsaharan'Andriamanitra tao amin'ny famoronana an'izao tontolo izao.

#### Noho izany

"satria Andriamanitra dia hanasazy ireo izay tsy mankatoa"(3:16)

**tsy hisy aminareo ny tsy afaka hahatratra ny teny fampantanentana navela ho anareo mba hidiranareo ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra**  
Ny fampantanentan'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fanomezana izay navelan' Andriamanitra rehefa namangy ny olona Izy. DH: "tsy misy aminareo tsy hiditra ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra, izay nampanantenainy antsika" na "Andriamanitra dia hamela anareo

rehetra ao amin'ny fitsaharany araka izay nampanantenainy antsika"

#### hidiranareo ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny izy ireo, sy toy ny hoe toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "hiditra ao amin'ny toeran'ny fitsaharana" na "hiaina ireo fitahian'ny fitsaharan'Andriamanitra"

#### Fa isika dia nanambarana ny vaovao mahafaly tahaka azy ireo

DH: "Fa isika dia nandre ny vaovao mahafaly tahaka izay nataon'izy ireo"

#### tahaka azy ireo

Eto ny teny hoe "azy ireo" dia maneho ny razamben'ireo Hebreo izay velona nandritry ny fotoanan'i Mosesy.

#### Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay nandre azy tamin'ny tsy finoana

"Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay tsy niray tamin'ny olona izay nino sy

nankatoa." Ny mpanoratra dia miresaka momban'ny vondron'olona roa, izay nandray ny faneken'Andriamanitra niaraka tamin'ny finoana, ary ireo izay nandre izany nefa tsy nino. DH: "Fa izany hafatra izany dia nanome tombotsoa ho an'ireo izay nino sy nankatoa izany ihany"

### Hebrews 4:3

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto ny teny nindramina voalohany hoe (Tahaka ny nianianako ...) dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo, ny faharoa hoe (Andriamanitra nitsahatra tamin'ny ...) dia avy amin'ny asa-soratr'i Mosesy, ary ny fahatelo hoe (Izy ireo dia tsy hiditra velively ...) dia mbola avy ao amin'ny bokin'ny Salamo ihany.

#### isika izay nino

"isika izay mino"

#### izay hiditra amin'izany fitsaharana izany

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny izy ireo, sy toy ny hoe toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "izay hiditra ao amin'ny toeram-pitsaharana" na "izay hiaina ireo fitahian' ny fitsaharan'Andriamanitra"

#### araka izay efa nolazainy hoe

"Araka izay nolazain'Andriamanitra"

#### Tahaka ny nianianako tamin'ny fahatezerako

"Tahaka ny nianianako tamin'Izaho tena tezitra"

#### Izy ireo dia tsy hiditra velively ao amin'ny fitsaharako."

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny izy ireo, sy toy ny toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "izy ireo dia tsy hiditra ao amin'ny toeram-pitsaharana mihintsy" na "izy ireo dia tsy hiaina ny fitahian'ny fitsaharako mihintsy"

#### ny asa famoronany dia vita

DH: "vitany ny famoronana" na "vitany ny asa famoronany"

#### tamin'ny fanorenana izao tontolo izao

Ny mpanoratra dia miresaka an'izao tontolo izao toy ny hoe trano be mipetraka eo amin'ny fototra izany. DH: "Tamin'ny niandohan'izao tontolo izao"

#### tamin'ny andro faha-fito

Izany dia laharan'isa "fito"

### Hebrews 4:6

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto dia mahita isika fa ity teny nindramina avy ao amin'ny bokin'ny Salamo ity dia nosoratan'i Davida.

#### mbola voatokana ho an'ny sasany ny fidirana ao amin'ny fitsaharany

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omeny

izy ireo, sy toy ny hoe toerana izay afaka andehanan'ny olona. DH: "Andriamanitra dia mbola mamela ny olona sasany mba hiaina ny fitahian'ny fitsaharany"

#### raha mandre ny feony ianareo

Ny didin'Andriamanitra amin'ireo Isiraely dia resahina toy ny hoe nanome azy ireo tamin'ny feo re tsara Izy. DH: "raha mahare an' Andriamanitra miteny ianareo." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 3:7.

#### aza manamafy ny fonareo."

Ny fahamafisana dia resahina toy ny hoe fo izay nohamafisina. DH: "Aza mafy loha." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 3:7.

### Hebrews 4:8

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Eto ny mpanoratra dia mampitandrana ireo mpino mba tsy hoe tsy hankatoa fa mba hiditra ao amin'ny fitsaharana izay atolotr' Andriamanitra. Izy dia mampatsiahy azy ireo fa ny tenin'Andriamanitra dia hanameloka azy ireo ary izy ireo dia afaka tonga amin'ny vavaka miaraka amin'ny fahatokisana izay hanampian'Andriamanitra azy ireo.

#### fa raha Josoa no nanome fitsaharana azy ireo

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fitsaharana izay afaka omen'i Josoa izy ireo. AT: "raha noentin'i Josoa tany amin'ny toerana izay hanomezan' Andriamanitra azy ireo fitsaharana ireo Isiraelyta" na "raha niaina tamin'ny fitahian'ny fitsaharan'Andriamanitra ireo Isiraelyta nandritry ny fotoan'i Josoa"

#### dia mbola misy sabata fitsaharana voatokana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra.

DH: "dia mbola misy sabata fitsaharana izay natokan'Andriamanitra ho an'ny olony"

#### sabata fitsaharana

Ny fiadanana mandrakizay sy fiarovana dia resahina toy ny hoe andro Sabata, andron'ny Jiosy hiderana ary hitsaharana amin'ny asa. DH: "fitsaharana mandrakizay"

#### izay miditra ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe toerana izay hidirana izy ireo. DH: "ny olona izay miditra ao amin'ny toeram-pitsaharan'Andriamanitra" na "ny olona izay miaina ny fitahian'ny fitsaharan' Andriamanitra"

#### aoka isika hazoto hiditra amin'izany fitsaharana izany

Ny fiadanana sy fiarovana nomen'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe toerana izay hidirana izy ireo. DH: "isika koa dia tokony hanao ny zava-drehetra izay vitantsika mba hitsaharana miaraka amin'Andriamanitra eo amin'izay misy Azy"



**ho tafalatsaka amin'ny karazana tsy fankatoavana izay nataon'izy ireo.**

Ny tsy fankatoavana dia resahina toy ny hoe lavaka izay afaka hianjeran'ny olona tsy nahy izany. DH: "Tsy hankatoa tahaka izay nataon'izy ireo"

**izay nataon'izy ireo**

Eto ny hoe "izy ireo" dia maneho ireo razamben'i Mosesy nandritry ny fotoanan'i Mosesy.

## Hebrews 4:12

**ny tenin'Andriamanitra dia velona**

Eto ny teny hoe "tenin'Andriamanitra" dia maneho ny zavatra rehetra izay nifandraisan' Andriamanitra tamin'ny olombelona na tamin'ny firesahana izany na tamin'ny alalan'ireo hafatra nosoratana. DH: "ireo tenin'Andriamanitra dia velona"

**velona sy mandaitra**

Ity dia miresaka momban'ny tenin'Andriamanitra toy ny hoe velona izany. Izany dia midika fa rehefa miteny Andriamanitra, dia mahery sy mahomby izany.

**maranitra noho ny sabatra roa lela**

Ny sabatra roa lela dia afaka manapaka ny nofon'ny olona mora foana. Ny tenin' Andriamanitra dia tena mahomby amin'ny fampisehoana izay ao anatin'ny fon'ny olona sy ny ao an-tsainy.

**Izany dia manindrona hatramin'ny fanasarahana ny aina amin'ny fanahy, ary ny tonona amin'ny tsoka mihintsy aza**

Ity dia manohy miresaka momban'ny tenin'Andriamanitra toy ny hoe sabatra izany. Eto ny sabatra dia tena maranitra izay afaka manapaka sy manasaraka ny ratsan'ny olombelona izay tena sarotra na tena tsy afaka sarahana aza. Izany dia midika fa tsy misy azo hafenina amin'Andriamanitra ny ao anatintsika.

**ny aina amin'ny fanahy**

Ireo dia zavatra roa samy hafa fa mifandray akaiky amin'ireo ampahany tsy ara-batan'ny olombeona. Ny "aina" dia mahatonga ny olona ho velona. Ny "fanahy" dia ampahany amin'ny vatan'olona izay mahatonga azy afaka mahafantatra sy mino an'Andriamanitra.

**tonona amin'ny tsoka**

Ny "tonona" no mampifandray ny taolana roa hiaraka. Ny "tsoka" no fizarana afovoany ao anatin'ny taolana.

**Ka afaka fantarina**

Ity dia miresaka momban'ny teninn' Andriamanitra toy ny hoe olona izay afaka mahafantatra zavatra izany. DH: "Ny tenin'Andriamanitra dia miharihary"

**ny eritreritry ny fo sy ireo fikasana**

Ity dia miresaka momban'ny fo toy ny hoe ivon'ny fieritreretana sy fihetsem-po ao amin'ny olona izany.

DH: "ny zavatra izay sainin'ny olona sy kasainy atao"

**tsy nisy famoronana niafina teo anatrehan'Andriamanitra**

DH: "Tsy misy zavatra noforonin'Andriamanitra afaka hafenina Aminy"

**ny zavatra rehetra dia miharihary sy misokatra**

Ity dia miresaka momban'ireo zavatra rehetra toy ny hoe olona mijoro ankarihary, na vata misokatra izany. DH: "ny zava-drehetra dia miharihary tanteraka"

**miharihary sy misokatra**

Ireo teny roa ireo dia mitovy dikan-teny ary manamafy fa tsy misy miafina amin' Andriamanitra.

**eo imason'ilay iray izay tsy maintsy hampamoahintsika.**

Andriamanitra dia resahina toy ny hoe manana maso Izy. DH: "ho an'Andriamanitra, izay hitsara ny fomba niainantsika"

## Hebrews 4:14

**izay lasa namaky ny lanitra**

"izay niditra tao amin'ny toerana misy an'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**andeha isika hifikitra mafy amin'ny finoantsika**

Ny finoana ary fahatokisana dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka azonin'ny olona mafy. DH: "andeha isika hanohy hino am-patokiana ao Aminy"

**isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahatsapa fangorahana ... Fa kosa, isika dia manana**

Ireo fandavana roa ireo dia midika fa, raha ny tena izy, dia nahatsapa fangorahana tamin'ireo olona Jesosy. DH: "isika dia manana mpisorona be izay afaka mahatsapa fangorahana ... ary tokoa, isika dia manana"

**izay efa nalaim-panahy tamin'ny fomba rehetra tahaka antsika**

DH: "izay niharitra fankam-panahy tamin'ny fomba rehetra izay nanantsika" na "izay nalain'ny devoly fanahy tamin'ny fomba rehetra izay nakany fanahy antsika"

**Izy tsy misy ota**

"tsy nanota Izy"

**seza fiandrianan'ny fahasoavana**

"eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, izay misy ny fahasoavana." Eto ny teny hoe "seza fiandrianan" dia maneho an'Andriamanitra manapaka toy ny mpanjaka. DH: "izay itoeran'ny Andriamanitsika be famindram-po eo amin'ny seza fiandrianany"

**mba handraisantsika ny famindram-po sy hahita  
fahasoavana izay hanampy amin'ny fotoana ilàna izany.**  
Eto ny hoe "famindram-po" sy "fahasoavana" dia  
resahina toy ny hoe zavatra izay afaka homena na

afaka ho hita. DH: "Andriamanitra anie hamindra fo  
sy hanome fahasoavana ary hanampy antsika  
amin'ny fotoana ilàna izany"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Fa ny mpisoronabe rehetra, voafidy avy tamin'ny olona, dia notendrena mba hiasa amin'ny anaran'ny olona amin'ireo zavatra mahakasika an' Andriamanitra, ka mba hanolorany fanomezana sy fanatitra ho an'ny ota. <sup>2</sup> Izy dia afaka mifanaraka mora amin'ny tsy mahalala sy ny maniasia satria izy tenany ihany koa dia voadidin'ny fahalemena. <sup>3</sup> Noho izany, izy ihany koa dia notakiana hanolotra sorona ho an'ireo otany manokana, tahaka ny nataony ho an'ireo otan'ny olona. <sup>4</sup> Tsy ho an'ny tenany no handraisana'ny olona izany voninahitra izany. Fa kosa, izy dia nantsoin' Andriamanitra, tahaka an'i Arona. <sup>5</sup> Dia toy izany, Kristy tsy mba nanome haja ny tenany mihintsy tamin'ny fanaovany ny tenany ho mpisoronabe. Fa kosa, ilay iray izay niresaka taminy niteny hoe: "Zanako Ianao; anio dia tonga Rainao Aho." <sup>6</sup> Toy izany ihany koa no nolazainy tany amin'ny toeran-kafa hoe: "Ianao dia mpisorona mandrakizay araka ny fomban'i Melkizedeka." <sup>7</sup> Nandritr'ireo andron'ny nofony, Kristy nanolotra vavaka sy fangatahana niaraka tamin'ny hiaka mafy sy ranomaso an'Andriamanitra, ilay iray izay afaka mamonjy Azy amin'ny fahafatesana. Re Izy nohon'ny fangorahany. <sup>8</sup> Na dia zanaka aza Izy, dia nianatra fankatoavana tamin'ireo zavatra izay niaretany. <sup>9</sup> Natao ho tonga lafatra Izy ka tonga, ho an'ny olona rehetra izay mankatoa Azy, ilay loharanon'ny famonjena mandrakizay. <sup>10</sup> Dia notendren' Andriamanitra tahaka ny mpisoronabe Izy araka ny fomban'i Melkizedeka. <sup>11</sup> Manan-kambara betsaka momban'i Jesosy izahay, fa sarotra ny manazava izany hatramin'ny naha-lalindalovana ny fandrenesanareo. <sup>12</sup> Fa amin'izao fotoana izao dia tokony ho mpampianatra ianareo, ianareo dia mbola mila olona hampianatra anareo ireo fitsipika fototry ny hafatr'Andriamanitra. Ronono no ilainareo, fa tsy ventin-tsakafo! <sup>13</sup> Fa ny olona izay misotro ronono fotsiny dia tsy ampy traikefa amin'ny hafatry ny fahamarinana, satria izy dia mbola zaza kely. <sup>14</sup> Fa ny ventin-tsakafo dia ho an'ireo lehibe. Ireo dia izay voahofana tamin'ny fanavahana ny tsara amin'ny ratsy ny fahatakarany noho'ny fahamatoran'izy ireo.

### Hebrews 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra dia mamaritra ny fahotan'ireo mpisoron'ny Testamenta tahola, avy eo izy mampiseho fa Kristy dia manana karazana fisoronana tsara kokoa, tsy mifototra amin'ny fisoronan'i Arona fa amin'ny fisoronan'i Melkizedeka.

#### voafidy avy tamin'ny olona

DH: "izay nofidian'Andriamanitra avy tamin'ireo olona"

#### notendrena

DH: "Andriamanitra nanendry"

#### mba hiasa amin'ny anaran'ny olona

"mba haneho ny olona"

#### ny tsy mahalala sy ny maniasia

DH: "ireo izay tsy mahalala sy ireo izay maniasia"

#### maniasia

olona manao fihetsika feno ota

#### voadidin'ny fahalemena

Ny fahalemen'ny mpisoronabe manokana dia resahina toy ny hoe hery izay mioididina azy izany. DH: "malemy ara-panahy" na "malemy manoloana ny fahotana"

#### fahalemena

Eto izany dia maneho ny faniriana hanota.

#### izy ihany koa dia notakiana

DH: "Andriamanitra ihany koa dia mitaky azy"

### Hebrews 5:4

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny Salamo ao amin'ny Testamenta Taloha.

#### handraisana ... izany voninahitra izany

Ny voninahitra dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka azonin'ny olona amin'ny tanany.

#### handraisana ... izany voninahitra izany

Ny "voninahitra" na dera na haja izay nomen'ny olona ho an'ny mpisoronabe dia mijoro amin'ny asany.

#### izy dia nantsoin'Andriamanitra, tahaka an'i Arona

DH: "Andriamanitra niantso azy, tahaka ny niantsoany an'i Arona"

#### ily iray izay niresaka taminy niteny hoe

"Andriamanitra niteny taminy"

#### Zanako Ianao; anio dia tonga Rainao Aho.

Ireo fehezanteny roa ireo dia manana dikan-teny mitovy. Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:4

**Zanako ... Rainao**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'i Jesosy sy Andriamanitra ilay Ray.

**Hebrews 5:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity faminiana ity dia avy ao amin'ny Salamon'i Davida.

**izany ihany koa no nolazainy**

Ny olona izay noresahan'Andriamanitra dia afaka hazavaina tsara. DH: "Izy ihany koa dia niteny tamin'i Kristy"

**tany amin'ny toeran-kafa**

"any amin'ny toeran-kafa ao amin'ny Soratra Masina"

**araka ny fomban'i Melkizedeka**

Izany dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona Azy dia manana zavatra iraisana amin'i Melkizedeka toy ny mpisorona. DH: "tahaka an'i Melkizedeka izay mpisorona"

**Hebrews 5:7****Nandritr'ireo andron'ny nofony**

Eto ny hoe "ireo andro" dia maharitra mandritry ny fotoana voafetra. Ary ny hoe "nofo" dia mijoro ho an'ny fiainan'i Jesosy eto an-tany, DH: "Raha mbola niaina teto an-tany Izy"

**vavaka sy fangatahana**

Ireo teny roa ireo dia mitovy dikan-teny.

**mamonjy Azy amin'ny fahafatesana**

Ny fahafatesana dia resahina toy ny hoe toerana izay mety hahatonga an'i Kristy tsy ho voatery hiditra, na toy ny hoe toerana izay afaka hanavotana Azy.

**Re izy**

DH: "Andriamanitra nahare Azy"

**zanaka**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**ireo zavatra izay nijaliany**

Ny fiainana ny fijaliana dia resahina toy ny hoe zavatra.

**Hebrews 5:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ao amin'ny andininy faha-11 ny mpanoratra dia manomboka ny fampitandremanany fahatelo. Mampitandrina ireo mpino izy fa izy ireo dia mbola tsy matotra ary mampahery azy ireo hianatra ny tenin'Andriamanitra mba hafahan'izy ireo mahatakatra ny marina amin'ny ratsy.

**Natao ho tonga lafatra Izy**

"Nataon'Andriamanitra tonga lafatra Izy"

**Natao ho tonga lafatra**

Eto izany dia midika hoe natao matotra, afaka manome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana.

**tonga, ho an'ny olona rehetra izay mankatoa Azy, ilay loharanon'ny famonjena mandrakizay**

DH: "Ankehitriny dia mamonjy ny rehetra izay mankatoa Azy Izy ary mahatonga azy ireo ho velona mandrakizay"

**notendren'Andriamanitra ... Izy**

DH: "Andriamanitra no nanondro Azy"

**araka ny fomban'i Melkizedeka**

Izany dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona Azy dia manana zavatra iraisana amin'i Melkizedeka toy ny mpisorona. DH: "tahaka an'i Melkizedeka izay mpisorona"

**Manan-kambara betsaka ... izahay**

Na dia mampiasa izahay aza ny "izahay" aza ny mpanoratra, dia ny tenany fotsiny ihany no tiany lazaina. DH: "Manan-kambara betsaka ... aho"

**naha-lalindalovana ny fandrenesanareo**

Ny fahaizana manatra sy mankatoa dia resahina toy ny hoe fahaizana mihaino. Ary ny fahaizana mihaino dia resahina toy ny hoe fitaovana vy izay lasa arafesina amin'ny fampiasana. DH: "Ianareo dia manana olona ny amin'ny fahatakarana izany"

**Hebrews 5:12****fitsipika fototra**

Eto ny "fitsipika" dia midika hoe torolalana na fenitra ho an'ny fanapahan-kevitra. DH: "fahamarinana fototra"

**Ronono no ilainareo**

Ny fampianarana ny momban'Andriamanitra izay mora takarina dia resahina toy ny hoe ronono, izay sakafo tokana azon'ny zazakely hoanina. DH: "Ianareo dia lasa toy ny zazakely ary tsy afaka misotro afa-tsy ronono ihany"

**fa tsy ventin-tsakafo**

Ny fampianarana ny momban'Andriamanitra izay sarotra takarina dia resahina toy ny hoe ventin-tsakafo, mety ho an'ny olon-dehibe. DH: "Fa kosa ny ventin-tsakafo, izay afaka hoanin'ny olon-dehibe"

**satria izy dia mbola zazakely**

Ity dia miresaka ny mpino izay afaka mahatakatra ireo fampianarana tsotran'ny filazantsara fotsiny toy ny hoe zazakely ara-bakiteny izy.

**Ireo dia izay voahofana tamin'ny fanavahana ny tsara  
amin'ny ratsy ny fahatakarany nohon'ny fahamatoran'izy  
ireo**

Ny olona nofanina mba hatakatra zavatra dia  
resahina toy ny hoe nofanina ny fahaizana

---

manakatra. DH: "izay matotra ary afaka manavaka  
ny tsara amin'ny ratsy"

## Chapter 6

<sup>1</sup> Noho izany, andeha havelantsika ny fiantombohan'ny hafatr'i Kristy ka handroso amin'ny fahamatorana. Andeha isika tsy hametraka indray ny fototry ny fibebahana nohon'ny asan'ny maty sy ny finoana an'Andriamanitra, <sup>2</sup> na ny fototry ny fampianarana momban'ny batisa, ny fametrahana-tanana, ny fitsanganan'ireo olona maty, ary ny fitsarana mandrakizay. <sup>3</sup> Hanao izany ihany koa isika raha avelan'Andriamanitra. <sup>4</sup> Fa tsy hay atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha izany, izay nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, izay nandray ny Fanahy Masina, <sup>5</sup> ary izay nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra sy ireo herin'ny vanim-potoana ho avy, <sup>6</sup> saingy avy eo dia lavo—tsy hay atao ny mamerina azy ireo amin'ny fibebahana indray. Izany dia satria nomboan'izy ireo ho an'ny tenan'izy ireo indray ny Zanak'Andriamanitra, ary nalainy baraka ampahibemaso. <sup>7</sup> Fa ny tany izay mitroka ny orana mateti-piavy amin'izany, sy izay mamokatra ireo zava-maniry ilain'ireo olona izay niasana ny tany—io no tany izay mandray fitahiana avy amin'Andriamanitra. <sup>8</sup> Fa raha mamokatra tsilo izany, dia tsy misy ilàna azy ary efa akaikin'ny fanozonana. Ny fiakaran'izany dia amin'ny firehetana. <sup>9</sup> Fa izahay dia resy lahatra ny amin'ireo zavatra tsara kokoa momba anareo, ry malala, zavatra izay mahakasika ny famonjena, na dia miteny tahaka izany aza izahay. <sup>10</sup> Fa Andriamanitra dia tsy mba tsy marina ka hanadino ny asanareo sy ny fitiavana izay nasehonareo nohon'ny anarany, satria ianareo dia nanompo ireo mpino ary mbola manompo azy ireo hatrany. <sup>11</sup> Maniry mafy izahay mba haneho fahazotoana tahaka izany hatramin'ny farany ny tsirairay aminareo ho an'ny antoky ny fahatokiana feno. <sup>12</sup> Izany dia mba tsy ho lasa kamo ianareo, fa ho mpaka-tahaka an'ireo izay mandova ireo fampianantenana amin'ny finoana sy faharetana. <sup>13</sup> Fa tamin'Andriamanitra nanao ny fampianantenany tamin'i Abrahama, dia nianiana tamin'ny Tenany Izy, rehefa tsy afaka nianiana tamin'ny olona lehibe kokoa. <sup>14</sup> Hoy Izy hoe: "Izaho dia hitahy anao tokoa, ary tena hahamaro anao." <sup>15</sup> Tamin'izany fomba izany, dia nahazo izay nampanantenaina taorian'ny niandrasany tamim-paharetana Abrahama. <sup>16</sup> Fa ny olona dia mianiana amin'ny olona izay lehibe kokoa noho ny tenan'izy ireo. Isakin'ny tapitra ny fifamalian'izy ireo, dia misy voady iray natao ho fanamafisana. <sup>17</sup> Rehefa nanapa-kevitra ny hampiseho mazava kokoa tamin'ireo mpandovan'ny fampianantenana ny tsy fiovan'ny kalitaon'ny tanjony Andriamanitra, dia nomeny antoka tamin'ny voady izany. <sup>18</sup> Nataony izany mba ho amin'ny alalan'ny zavatra tsy azo ovaina anankiroa—izay tsy hain'Andriamanitra ny mandainga amin'izany—dia hanana fampaherezana matanjaka mba hihazonana mafy ny fahatokiana izay napetraka teo anoloantsika, isika, izay nandositra mba hanana fialofana. <sup>19</sup> Manana izany toky izany isika ho aro sy vatofantsika azo hiankinana ho an'ny fanahintsika, fahatokiana izay miditra ao amin'ny fitoerana anatin'ny ao ambadiky ny lamba. <sup>20</sup> Jesosy niditra tao amin'izany fitoerana izany toy ny mpialoha lalana ho antsika, ka tonga mpisoronabe mandrakizay manaraka ny fomban'i Melkizedeka.

### Hebrews 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra dia manohy ny amin'ny tokony ataon'ireo mpino Hebreo tsy matotra mba ho tonga Kristiana matotra. Izy dia mampatsiahy azy ireo ny amin'ireo fampianarana fototra.

#### andeha havelantsika ny fiantombohan'ny hafatr'i Kristy ka handroso amin'ny fahamatorana

Ity dia miresaka momban'ireo fampianarana fototra toy ny hoe fiantombohan'ny tontolo andro ary ireo fampianarana matotra toy ny hoe faran'ny tontolo andro. DH: "andeha hajanontsika fotsiny ny firesahana izay nianarantsika voalohany ary hanomboka hanakatra ireo fampianarana matotra bebe kokoa ihany koa"

#### Andeha isika tsy hametraka indray ny fototry ... ny finoana an'Andriamanitra

Ny fampianarana fototra dia resahina toy ny hoe trano lehibe izay manomnoka amin'ny fametrahana fototra ny fanamboarana azy. DH: "Andeha isika tsy

hamerina ireo fampianarana fototra ... ny finoana an'Andriamanitra"

#### asan'ny maty

Ny asa feno fahotana dia resahina toy ny hoe an'ny tontolon'ny maty ireo.

#### na ny fototry ny fampianarana ... fitsarana mandrakizay

Ny fampianarana fototra dia resahina toy ny hoe trano izay ny fametrahana fototra no fiantombohan'ny fananganana azy. DH: "na ireo fampianarana fototra ... fitsarana mandrakizay"

#### ny fametrahana-tanana

Ity fomba fanao ity dia natao mba hanokanana olona iray ho amin'ny fanompoana manokana na toerana manokana.

**Hebrews 6:4****ireo izay efa nohazavaina indray mandeha**

Ny fahatakarana dia resahina toy ny hoe hazavana. DH: "ireo izay efa nahatakatra indray mandeha ny hafatra momban'i Kristy"

**izay nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra**

Ny fiainana ny famonjena dia resahana toy ny hoe manandrana sakafo. DH: "Izay niaina ny hery fanavotan'Andriamanitra"

**izay nandray ny Fanahy Masina**

Ny Fanahy Masina, izay tonga tany amin'ireo mpino, dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka zarain'ny olona.

**nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra**

Ny fianarana ny tenin'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe manandrana sakafo. DH: "Izay nianatra ny teny tsaran'Andriamanitra"

**ny herin'ny vanim-potoana ho avy**

Izany dia midika hoe ny herin'Andriamanitra rehefa feno tanteraka amin'izao tontolo rehetra izao ny fanjakany. Amin'izany heviny izany, ny hoe "ireo hery" dia maneho an'Andriamanitra mihintsy, izay mihazona ny hery rehetra. DH: "nianatra ny fomba hiasan'Andriamanitra amin-kery amin'ny ho avy"

**saingy avy eo dia lavo**

Ny fanariana ny fahatokisana rehetra amin'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fianjerana ara-batana. DH: "izay avy eo dia tsy nino an'Andriamanitra intsony"

**tsy hay atao ny mamerina azy ireo amin'ny fibebahana indray**

"Tsy vita ny mitondra azy ireo hibe-baka indray"

**nombon'izy ireo ho an'ny tenan'izy ireo indray ny Zanak'Andriamanitra**

Rehefa miala amin'Andriamanitra ny olona, dia toy hoe manombo an'i Jesosy indray izy ireo. DH: "toy ny hoe manombo ho an'ny tenan'izy ireo an'ilay tena Zanak'Andriamanitra indray izy ireo"

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**Hebrews 6:7****ny tany izay mitroka ny orana**

Ny toeram-pambolena izay mamokatra avy amin'ny orana betsaka dia resahana toy ny hoe olona izay nisotro ranon'orana. DH: "ny tany izay mitroka ny orana"

**izay mamokatra ireo zava-maniry**

Ny toeram-pambolena izay mamokatra ireo vokatra dia resahina toy ny hoe niteraka azy ireo izany. DH: "Izay niteraka ireo zava-maniry"

**ireo olona izay niasana ny tany**

DH: "ireo izay nikarakaran'ny olona ny tany"

**tany izay mandray fitahiana avy amin' Andriamanitra**

Ny orana sy ireo vokatra dia hita toy ny porofo fa namampy ny toeram-pambolena Andriamanitra. Ny toeram-pambolena dia resahina toy ny hoe olona izay afaka mandray ny fitahian' Andriamanitra.

**fitahiana avy amin'Andriamanitra**

Eto ny hoe "fitahiana" dia midika fanampiana avy amin'Andriamanitra, fa tsy teny nolazaina.

**akaikin'ny fanozonana**

Ity dia miresaka ny "fanozonana" toy ny hoe toerana izay afahan'ny olona manakaiky. DH: "tandindon'Andriamanitra manozona izany"

**Ny fiakaran'izany dia amin'ny firehetana**

Andriamanitra dia hatonga ny zava-drehetra eo amin'izany saha izany ho may.

**Hebrews 6:9****izahay dia resy lahatra**

Na dia mampiasa ny teny "izahay" aza ny mpanoratra, dia milaza manokana ny tenany izy. DH: "Resy lahatra aho"

**ny amin'ireo zavatra tsara kokoa momba anareo**

Izany dia midika fa izy ireo dia manao zavatra tsara kokoa noho ireo izay nandà an' Andriamanitra, tsy nankatoa Azy, ary ankehitriny tsy afaka mibebaka intsony mba hamindran' Andriamanitra fo azy ireo (Jereo: 6:4) DH: "fa ianareo dia manao zavatra tsara kokoa noho izany"

**zavatra izay mahakasika ny famonjena**

DH: "ireo zavatra izay mahakasika an'Andriamanitra mamonjy anareo"

**Fa Andriamanitra dia tsy mba tsy marina ka hanadino**

Ireo fandavana roa ireo dia midika fa Andriamanitra amin'ny fahamarinany dia hampatsiahy ireo zavatra tsara izay vitan'ny olony. DH: "Fa Andriamanitra dia marina ka noho izany azo antoka fa hahatsiaro"

**Hebrews 6:11****Maniry mafy izahay**

Na dia mampiasa ny teny hoe "izahay" aza ny mpanoratra, dia milaza manokana ny tenany izy. DH: "maniry mafy aho"

**fahazotoana**

fitandremana, asa mafy

**hatramin'ny farany**

Afaka hazavaina tsara izany. DH: "Hatramin'ny faran'ny fiainanareo"

**ho an'ny antoky ny fahatokiana feno**  
 "mba hahazoana antoka feno fa hahazo izay  
 nampanantenain'Andriamanitra anareo ianareo"

**mpaka-tahaka**

Ny "mpaka-tahaka" dia olona maka tahaka ny  
 fitondran-tenan'ny olona hafa.

**mandova ireo fampanantenana**

Ny fandraisana izay nampanantenain'  
 Andriamanitra an'ireo mpino dia resahina toy ny  
 hoe mandova fananana sy harena avy any amin'ny  
 isan'ny fianakaviana. DH: "mandray izay  
 nampanantenain'Andriamanitra azy ireo"

**Hebrews 6:13**

**Hoy Izy hoe**

Hoy Andriamanitra hoe

**ary tena hahamaro anao**

Eto ny teny hoe "hahamaro" dia milaza ny  
 fanomezana taranaka. DH: "homeko taranaka maro  
 ianao"

**izay nampanantenaina**

DH: "izay nampanantenain'Andriamanitra azy"

**Hebrews 6:16**

**ireo mpandovan'ireo fampanantenana**

Ny olona izay nanaovan'Andriamanitra  
 fampanantenana dia resahina toy ny hoe mandova  
 fananana sy harena avy any amin'ny isan'ny  
 fianakaviana. DH: "ireo izay handray izay  
 nampanantenainy."

**ny tsy fiovan'ny kalitaon'ny tanjony**

"fa ny tanjony dia hiova mihintsy" na "fa izy dia  
 hanao mandrakariva izay nolazainy ho ataony"

**amin'ny alalan'ny zavatra tsy azo ovaina anankiroa**

Ity dia midika hoe ny fampanantenain'  
 Andriamanitra sy ny fiananan'Andriamanitra. Ny  
 tsirairay amin'ireo dia tsy afaka miova mihintsy.

**izay tsy hain'Andriamanitra ny mandainga amin'izany**

Izany fandavana roa izany dia midika fa  
 Andriamanitra dia hilaza ny marina momban'io  
 zava-mitranga io. DH: "izay lazain'Andriamanitra  
 mandrakariva ny marina"

**isika, izay nandositra mba hanana fialofana**

Ireo mpino, izay mahatoky an'Andriamanitra mba  
 hiaro azy ireo, dia resahina toy ny hoe  
 mihazakazaka eo amin'ny toerana azo antoka. DH:  
 "Isika, izay nanana fahatokisana taminy"

**hanana fampaherezana matanjaka mba hihazonana mafy  
 ny fahatokiana izay napetraka teo anoloantsika**

Ny fahatokisana an'Andriamanitra dia resahina toy  
 ny hoe ny finoana dia zavatra izay afaka naseho  
 tamin'ny olona ary izany olona izany dia afaka  
 mifikitra amin'izany. DH: "hatoky an'Andriamanitra  
 hatrany araka izay nampahereziny ataontsika"

**izay napetraka teo anoloantsika**

DH: "izay napetrak'Andriamanitra teo anoloantsika"

**Hebrews 6:19**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nahavita ny fampitandremany fahatelo sy ny  
 fampaherezana an'ireo mpino, ny mpanoratra ny  
 bokin'ny Hebreo dia manohy ny fampitahany an'i  
 Jesosy amin'ny maha-mpisorona azy amin'i  
 Melkizedeka amin'ny maha-mpisorona azy.

**ho aro sy vatofantsika azo hiankinana ho an'ny  
 fanahintsika**

Tahaka ny vatofantsika mitazona ny sambo mba tsy  
 handeha eny amin'ny rano, dia miaro antsika Jesosy  
 eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. DH: "Izany  
 no mahatonga antsika miaina am-pitoniana ao  
 amin'ny fanatrehan'Andriamanitra"

**aro sy vatofantsika azo hiankinana**

Eto ny teny hoe "aro" sy "azo hiankinana" dia  
 manana dika-teny mitovy ary manamafy ny antoka  
 tanterak'ilay vatofantsika. DH: "vatofantsika azo  
 antoka tanteraka"

**fahatokiana izay miditra ao amin'ny fitoerana anatin'ny  
 ambadiky ny lamba**

Ny fahatokiana dia resahina toy ny hoe olona izay  
 afaka mandeha ao amin'ny toerana masina  
 indrindra ao amin'ny tempoly.

**fitoerana anatin'ny**

Ity no toerana masina indrindra ao amin'ny tempoly.  
 Izany dia nosainina ho ilay toerana izay  
 nanatrehan'Andriamanitra indrindra teo amin'ny  
 vahoakany. Eto amin'ity andalana ity, dia mijoro ho  
 lanitra sy efitra fiandrianan'Andriamanitra izany  
 toerana izany.

**mpialoha lalana ho antsika**

Ny zava-nisy hoe maty Jesosy ary nitsangana indray,  
 ary Izy dia miaraka amin'Andriamanitra Ray  
 ankehitriny, dia manondro fa isika izay mino Aminy  
 dia hiaina ireo zavatra tahaka izany. Jesosy eto dia  
 resahina toy ny hoe olona izay mihazakazaka eo  
 alohantsika ary isika dia mihazakazaka ao aoriany.  
 DH: "toy ny iray izay mandeha eo alohantsika"

**manaraka ny fomban'i Melkizedeka**

Izany dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona  
 dia manana zavatra iombonana amin'i Melkizedeka.  
 DH: "tahaka an'i Melkizedeka izay mpisorona"



## Chapter 7

<sup>1</sup> Melkizedeka izany, mpanjakan'i Salema, mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra, izay nifanena tamin'i Abrahama rehefa niverina avy nandresy ireo mpanjaka ary nitahy azy. <sup>2</sup> Izy no nomen'i Abrahama ny ampahafolon'ny zavatra rehetra. Ny anarany hoe "Melkizedeka" dia midika hoe "mpanjakan'ny fahamarinana." Ny anarany hafa dia "mpanjakan'i Salema," izany dia: "mpanjakan'ny fiadanana." <sup>3</sup> Izy dia tsy manan-drainy, tsy manan-dreny, tsy manana razambe, ary tsy manana fiantombohan'ireo andro sady tsy manana fiakaran'ny fiainana. Fa kosa, mitovy amin'ny Zanak'Andriamanitra izy, satria mitoetra ho mpisorona mandrakizay. <sup>4</sup> Jereo ny halehiben'io lehilahy io. Ny razambentsika Abrahama dia nanome ny ampahafolon'ireo zavatra izay azony tamin'ny ady. <sup>5</sup> Amin'ny lafiny iray, ireo zanaka lahin'i Levy izay mandray ny fisoronana dia manana baiko avy amin'ny lalàna mba hanangona ny ampahafolon-karena avy any amin'ireo olona, izany dia, avy amin'ireo rahalahin'izy ireo, na izany aza izy ireo, ihany koa, dia avy amin'ny vatan'i Abrahama. <sup>6</sup> Fa amin'ny lafiny iray, Melkizedeka, izay tsy voasoritra avy amin'izy ireo ny taranany, dia nandray ampahafolon-karena avy amin'i Abrahama, ary nanome tso-drano azy, ilay iray izay nanana ireo fampanantenana. <sup>7</sup> Tsy misy fandavana fa ny olona ambany indrindra dia omen'ny olona ambony indrindra tso-drano. <sup>8</sup> Amin'izany tranga izany, ny olona mety maty dia mandray ampahafolon-karena, fa amin'ity tranga ity dia voaporofa fa mbola velona izy. <sup>9</sup> Ary, amin'ny fomba firesaka, Levy, izay nandray ampahafolon-karena, dia nandoa ampahafolon-karena tamin'ny alalan'i Abrahama ihany koa, <sup>10</sup> satria Levy dia tao anatin'ny tenan'ny razambeny rehefa nihaona tamin'i Abrahama i Melkizedeka. <sup>11</sup> Ankehitriny raha azo atao amin'ny alalan'ny fisoronana levitika ny fahatanterahana (fa tao ambanin'izany ny olona no nandray ny lalàna), dia filàna bebe kokoa inona no mety nisy ho an'ny mpisorona hafa mba hitsanganana araka ny fomban'i Melkizedeka, ary tsy raisina araka ny fomban'i Arona? <sup>12</sup> Fa rehefa novàna ny fisoronana, dia tsy maintsy hovàna ihany koa ny lalàna. <sup>13</sup> Fa ilay iray izay nilazana ny momban'ireo zavatra ireo dia an'ny foko hafa, izay tsy misy olona manompo eo amin'ny alitara mihintsy. <sup>14</sup> Fa mazava ankehitriny, fa avy amin'i Joda no nahaterahan'ny Tompotsika, foko izay tsy nolazain'i Mosesy mihintsy ny mahakasika ireo mpisorona. <sup>15</sup> Izay lazaintsika dia efa mazava kokoa raha misy mpisorona hafa mitsangana amin'ny endrik'i Melkizedeka. <sup>16</sup> Tsy avy tamin'ny fototry ny lalànan'ny taranaky ny nofo no nahatonga azy ho mpisorona, fa kosa avy tamin'ny fototry ny herin'ny fiainana tsy mety levona. <sup>17</sup> Fa ny Soratra Masina dia mijoro vavolombelona momba azy hoe: "Ianao dia mpisorona mandrakizay araka ny fomban'i Melkizedeka. <sup>18</sup> Fa nisy fanafoanana ny didy teo aloha satria nalemy sy tsy nisy dikany izany. <sup>19</sup> Fa tsy nisy zavatra nataon'ny lalàna tonga lafatra. Kanefa, misy ny fampidirana fahatokiana tsara kokoa ho an'ny ho avy izay hanatonantsika an'Andriamanitra. <sup>20</sup> Tsy nitranga izany raha tsy nisy ny fandraisana fianianana. Amin'ny lafiny iray, ireo hafa ireo dia tonga mpisorona tsy nila fianianana. <sup>21</sup> Fa amin'ny lafiny iray hafa, ity iray ity, Jesosy, dia tonga mpisorona tamin'ny alalan'ny fianianana nataon'ilay nilaza taminy hoe: "Ny Tompo dia nianiana ary tsy hiova amin'ny heviny hoe: 'Ianao dia mpisorona mandrakizay.'" <sup>22</sup> Tamin'ny alalan'izany ihany koa Jesosy no nanome antoka ny fanekem-pihavanana tsara kokoa. <sup>23</sup> Amin'ny lafiny iray, maro no tonga mpisorona satria ny fahafatesana no manakana azy ireo hanohy. <sup>24</sup> Amin'ny lafiny iray hafa, satria Jesosy mitoetra mandrakizay, dia manana fisoronana mandrakizay izy. <sup>25</sup> Noho izany izy ihany koa dia afaka mamonjy tanteraka ireo izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany, satria izy dia miaina foana mba hanelanelana ho azy ireo. <sup>26</sup> Fa ny mpisoronabe tahaka izany dia mety ho antsika. Izy dia tsy manam-pahotana, tsy manan-tsiny, madio, nosarahana tamin'ireo mpanota, ary tonga ambony noho ireo lanitra. <sup>27</sup> Tsy mila izy, tsy tahaka ireo mpisoronabe, hanolotra sorona isan'andro, ny voalohany ho an'ireo fahotany manokana, ary avy eo ho an'ireo fahotan'ny olona. Efa nanao izany indray mandeha ho an'ny rehetra izy, rehefa nanolotra ny tenany. <sup>28</sup> Fa ny lalàna manondro ny olona izay manana fahalemena ho mpisoronabe. Fa ny tenin'ny fianianana, izay tonga taorian'ny lalàna, dia nanendry Zanaka lahy, izay natao tonga lafatra mandrakizay.

### Hebrews 7:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia manohy ny fampitahany an'i Jesosy toy ny hoe mpisorona tahaka an'i Melkizedeka mpisorona.

#### Salema

izany dia anaran-tanàna

**Abrahama rehefa niverina avy nandresy ireo mpanjaka**  
Ity dia maneho ny nandehanan'i Abrahama sy ireo olony ary nandresy ireo miaramilan'ireo mpanjaka efatra mba hamonjy ny zana-drahalahiny, Lota, ary ny fianakaviany.

**Izy no nomen'i Abrahama**  
 "Melkizedeka no nomen'i Abrahama"

**mpanjakan'ny fahamarinana ... mpanjakan'ny fiadanana**  
 "mpanjaka marina ... mpanjaka tia fihavanana"

**Izy dia tsy manan-drainy, tsy manan-dreny, tsy manana razambe, ary tsy manana fiantombohan'ireo andro sady tsy manana fiakaran'ny fiainana**  
 Azo eritreretina avy amin'ity andalana ity fa Melkizedeka dia na tsy teraka na tsy maty. Na izany aza, azo inoana fa ny mpanoratra rehetra dia midika fa ny Soratra Masina dia tsy nanome fampahafantarana momban'ny razamben'i Melkizedeka, ny nahaterahany, na ny nahafatesany.

## Hebrews 7:4

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
 Ny mpanoratra dia milaza fa ny fisoronan'i Melkizedeka dia tsara kokoa noho ny fisoronan'i Arona ary avy eo mampatsiahy azy ireo fa ny fisoronan'i Arona dia tsy nahatanteraka na inona na inona.

**Izany lehilahy izany dia**  
 Melkizedeka dia

**Amin'ny lafiny iray ... Fa amin'ny lafiny iray**  
 Ireo fehezanteny ireo dia nampiasana mba hampitahana zavatra roa. Ny fiteninana dia mety mila manamafy fa manao fampitahana ny mpanoratra. Na afaka tsy asiana hoe "amin'ny lafiny iray" dia adika hoe "fa" fotsiny ilay hoe "fa amin'ny lafiny iray."

**ireo zanaka lahin'i Levy izay mandray ny fisoronana**  
 Ny mpanoratra dia milaza izany satria tsy ireo zanak'i Levy rehetra no lasa mpisorona. DH: "Ireo taranak'i Levy izay lasa mpisorona"

**avy amin'ireo**  
 "avy amin'ny vahoakan'Isiraely"

**avy amin'ireo rahalahin'izy ireo**  
 Eto ny teny hoe "rahalahy" dia midika fa izy ireo dia nifandray tamin'ny alalan'i Abrahama. DH: "avy amin'ireo havany"

**izy ireo, ihany koa, dia avy amin'ny vatan'i Abrahama**  
 Izany dia fomba hilazana fa izy ireo dia taranak'i Abrahama. DH: "izy ireo, ihany koa, dia taranak'i Abrahama"

**izay tsy voasoritra avy amin'izy ireo ny taranany**  
 "izay tsy taranak'i Levi"

**ilay iray izay nanana ireo fampanantenana.**  
 Ireo zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra hatao ho an'i Abrahama dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka hananany izy ireo. DH: "ilay iray izay niresahan'Andriamanitra ny fampanantenany"

## Hebrews 7:7

**ny olona ambany indrindra dia omen'ny olona ambony indrindra tso-drano**  
 DH: "ny olona manan-danja indrindra no hitso-drano ny olona tsy manan-danja"

**Amin'izany tranga izany ... amin'ity tranga ity**  
 Ireo fehezanteny ireo dia nampiasana mba hampitahana ny Levita mpisorona amin'i Melkizedeka. Ny fiteninana dia mety manana fomba hanamafisana fa ny mpanoratra dia manao fampitahana.

**dia voaporofa fa mbola velona izy**  
 Tsy voasoratra mazava ao amin'ny Soratra Masina mihintsy fa maty Melkizedeka. Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia miresaka izany tsy fahampian'ny fampahafantarana momban'ny fahafatesan'i Melkizedeka ao amin'ny Soratra Masina izany toy ny hoe fanambarana tsara fa mbola velona izy. DH: "ny Soratra Masina dia mampiseho fa velona izy"

**Levy ... dia tao anatin'ny tenan'ny razambeny**  
 Satria mbola tsy teraka Levy, dia miresaka azy toy ny hoe mbola ao amin'ny vatan'i Abrahama ny mpanoratra. Amin'izany fomba izany, dia milaza ny mpanoratra Levy dia nandoa ampahafolon-karena tamin'i Melkizedeka tamin'ny alalan'i Abrahama.

## Hebrews 7:11

**Ankehitriny**  
 Izany dia tsy midika hoe "amin'izao fotoana izao," fa nampiasana mba isintonana ny saina ho amin'ny hevitra manan-danja izay manaraka eo.

**dia filàna bebe kokoa inona no mety nisy ho an'ny mpisorona hafa mba hitsanganana araka ny fomban'i Melkizedeka, ary tsy raisina araka ny fomban'i Arona?**  
 Ity fanontaniana ity dia manamafy fa tsy nampoizina hoe tonga araka ny baikon'i Melkizedeka ireo mpisorona. DH: "Tsy misy olona haniry hanana mpisorona hafa, iray izay tahaka an'i Melkizedeka fa tsy tahaka an'i Arona, mba hitsanganana."

**mba hitsanganana**  
 "mba hiaviana" na "mba hisehoana"

**araka ny fomban'i Melkizedeka**  
 Ity dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona azy dia manana zavatra iombonana amin'i Melkizedeka amin'ny mpisorona azy. DH: "mitovy amin'izany ihany koa Melkizedeka dia mpisorona"

**ary tsy raisina araka ny fomban'i Arona?**  
 DH: "tsy araky ny fomban'i Arona" na "tsy mpisorona tahaka an'i Arona"

**Fa rehefa novàna ny fisoronana, dia tsy maintsy hovàna ihany koa ny lalàna**

DH: "Fa rehefa nanova ny fisoronana Andriamanitra, dia novainy ihany koa ny lalàna"

### Hebrews 7:13

**Fa ilay iray**

Ity dia maneho an'i Jesosy

**nilazana ny momban'ireo zavatra ireo**

DH: "momban'izay iresahako"

**ankehitryny**

Izany dia tsy midika hoe "amin'izao fotoana izao," fa nampiasana mba isintonana ny saina ho amin'ny hevitra manan-danja izay manaraka eo.

**fa avy amin'i Joda no nahaterahan'ny Tompontsika**

Ny teny hoe "Tompontsika" dia maneho an'i Jesosy.

**avy amin'i Joda**

"avy amin'ny fokon'i Joda"

### Hebrews 7:15

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo nataon'i Davida Mpanjaka.

**Izay lazaintsika dia efa mazava kokoa**

"Afaka takarintsika mazava kokoa aza." Eto ny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpamakiny.

**raha misy mpisorona hafa mitsangana**

"raha misy mpisorona hafa tonga"

**amin'ny endrik'i Melkizedeka**

Ity dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona azy dia manana zavatra iombonana amin'i Melkizedeka amin'ny maha-mpisorona azy. DH: "mitovy amin'izany ihany koa Melkizedeka dia mpisorona"

**avy tamin'ny fototry ny lalànan'ny taranaky ny nofo**

Ny hevitra ny taranak'olombelona dia resahina toy ny hoe nofon'ny vatana iray ihany no nifandraisan'izany. DH: "avy tamin'ny fototry ny lalàna momban'ny fianakaviany"

**fa kosa avy tamin'ny fototry ny herin'ny fiainana tsy mety levona**

Ny teny hoe "lasa mpisorona izy" dia takatra. DH: "fa kosa lasa mpisorona avy tamin'ny fototry ny herin'ny fiainany izay tsy misy farany izy"

**Fa ny Soratra Masina dia mijoro vavolombelona momba azy**

Ity dia miresaka momban'ny Soratra Masina toy ny hoe olona izay afaka mijoro vavolombelona momban'ny zavatra iray izany. DH: "Fa

Andriamanitra dia mijoro vavolombelona momba Azy amin'ny alalan'ny Soratra Masina"

**araka ny fomban'i Melkizedeka**

Ity dia midika fa Kristy amin'ny maha-mpisorona Azy dia manana zavatra iombonana amin'i Melkizedeka amin'ny maha-mpisorona azy. DH: "mitovy amin'izany ihany koa Melkizedeka dia mpisorona"

### Hebrews 7:18

**Fa nisy fanafoanana ny didy teo aloha**

"Andriamanitra tsy nanaiky ny didy tamin'ny fotoana voalohany"

**Fa tsy nisy zavatra nataon'ny lalàna tonga lafatra**

Ny lalàna dia resahina toy ny hoe olona izay afaka manao hetsika.

**misy ny fampidirana fahatokiana tsara kokoa**

"Andriamanitra nanome antsika antony tsara kokoa ny mba hanana fahatokisana"

**misy ny fampidirana fahatokiana tsara kokoa ho an'ny ho avy izay hanatonantsika an'Andriamanitra.**

Ny fahatokisana ny amin'ny ho avy dia resahina toy ny hoe zavatra izay tsy maintsy andehanan'ny olona mba hafahana manatona an' Andriamanitra. DH: "Andriamanitra nanome antony tsara kokoa antsika mba hananana fahatokisana Aminy, satria Izy mahatanteraka izany ho antsika mba ho tonga eo akaikiny"

**hanatonantsika an'Andriamanitra**

Ny fiderana an'Andriamanitra sy fananana ny fankasitrahany, dia resahina toy ny hoe hetsika izay andehana eo akaikiny.

### Hebrews 7:20

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity teny nindramina ity ihany koa dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo nataon'i Davida toy ny Andininy faha 17(Jereo ny: 7:15)

**tsy nitranga izany raha tsy nisy ny fandraisana fianianana**

Ny fihetsika fandraisana fianianana dia resahina tsy amin'ny filazana izay nandray izany fianianana izany. Na izany aza, Andriamanitra izany. DH: "nitranga izany satria Andriamanitra nianiana fianianana"

**tamin'ny alalan'ny fianianana nataon'ilay nilaza taminy**

DH: "Satria Andriamanitra nianiana taminy, niteny hoe"

### Hebrews 7:22

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanotra dia manome toky an'ireo mpino Jiosy fa Kristy dia manana fisoronana tsara kokoa satria

Izy miaina mandrakizay ary ireo mpisorona izay taranaka avy amin'i Arona dia maty avokoa.

**nanome antoka**  
"nanome toky"

**Amin'ny lafiny iray ... Amin'ny lafiny iray hafa**  
Ireo fehezanteny ireo dia nampiasana mba hampitahana zavatra roa. Ny fiteninao dia mety manana fomba hanamafisana fa manao fampitahana ny mpanoratra. Na afaka esorina ilay hoe "amin'ny lafiny iray" ary adika fotsiny hoe "Fa" ilay hoe "amin'ny lafiny iray hafa."

**ny fahafatesana no manakana azy ireo hanohy**  
DH: "maty izy ireo ary tsy afaka ny hanohy"

**manana fisoronana mandrakizay izy**  
Ny asan'ny mpisorona dia resahina toy ny hoe zavatra izay nananan'i Jesosy. DH: "Izy dia mpisorona maharitra"

## Hebrews 7:25

**Noho izany**  
Afaka ataonao mazava ny tian'ny "noho izany" tenenina. DH: "Satria Kristy no mpisoronabe antsika izay miaina mandrakizay"

**ireo izay manantona an'Andriamanitra amin'ny alalany**  
"ireo izay manatona an'Andriamanitra nohon'ny zavatra vitan'i Jesosy"

**ary tonga ambony noho ireo lanitra**  
"ary Andriamanitra nanangana Azy ho any amin'ny lanitra avo indrindra." Ny mpanoratra dia miresaka ny fananana voninahitra sy hery maro kokoa noho ny olona hafa toy ny hoe toerana izay ambonin'ny zavatra rehetra. DH: "ary Andriamanitra dia

nanome Azy voninahitra sy hery maro kokoa noho ireo hafa"

## Hebrews 7:27

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**  
Eto ny teny hoe "Izy" sy ny hoe "ny tenany" dia maneho an'i Kristy. Ny teny hoe "azy manokana" dia maneho ny mpisoronabe eto an-tany.

**ny lalàna manondro**  
Eto ny teny hoe "lalàna" dia maneho an' Andriamanitra, izay nametraka ny lalàna. Araka ny lalàna no nanendren'ireo Isiraelita ny mpisoron'izy ireo.

**izay manana fahalemena**  
"olona izay malemy ara-panahy" na "olona izay malemy manoloana ny fahotana"

**ny tenin'ny fianianana, izay tonga taorian'ny lalàna, dia nanondro Zanaka lahy**  
Ny teny hoe "teny" dia milaza ihany koa hoe "nianiana". DH: "taorian'ny nanomezany ny lalàna, Andriamanitra nianiana fianianana ary nanendry ny Zanany"

**ny tenin'ny fianianana**  
Ny "fianianana" dia voafaritry sy aseho toy ny olona miteny.

**Zanaka lahy**  
Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**izay natao tonga lafatra.**  
DH: "Izay nantakoa tanteraka an'Andriamanitra ary tonga matotra"

## Chapter 8

<sup>1</sup> Ary ny fototry ny zavatra lazainay dia izao: Isika dia manana mpisoronabe izay nipetraka teo an-tanan'ankavanan'ny seza fiandrianan'ilay be Voninahitra any an-danitra. <sup>2</sup> Izy dia mpanompo ao amin'ny toerana masina, ilay tabernakely marina izay ny Tompo, fa tsy ny olona, no nanorina azy. <sup>3</sup> Fa ny mpisoronabe rehetra dia notendrena hanolotra fanomezana sy sorona. Noho izany dia ilaina ny manana zavatra ho atolotra. <sup>4</sup> Ary raha teto an-tany Kristy, dia tsy ho mpisorona akory Izy, satria misy ireo izay manolotra fanomezana araka ny lalàna. <sup>5</sup> Izy ireo dia manompo ao amin'ny tabernakely izay tandindona sy aloky ny zavatra any an-danitra. Izany dia toy ny nampitandreman' Andriamanitra an'i Mosesy raha izy handeha hanamboatra tabernakely: hoy Andriamanitra hoe: "Jereo mba ho ataonao araka ny modely izay efa naseho anao teny an-tendrombohitra ny zavatra rehetra." <sup>6</sup> Fa ankehitriny Kristy dia nandray asa fanompoana tsara lavitra. Izany dia noho izy mpanelanelana ihany koa amin'ny fanekena tsara kokoa, izay mifototra amin'ny fampanantenana tsara kokoa. <sup>7</sup> Fa raha tsy nanan-tsiny izany fanekena voalohany izany, dia tsy nisy nilana fanekena faharoa. <sup>8</sup> Fa rehefa nahita tsiny tamin'ny olona Andriamanitra, dia hoy Izy hoe: "Indro, ho avy ny andro—hoy ny Tompo—rehefa hanao fanekena vaovao amin'ny olon'Israely sy ny olon'i Joda Aho. <sup>9</sup> Dia tsy ho toy ny fanekena izay nataoko niaraka tamin'ny razan'izy ireo tamin'ny andro izay nitondrako azy ireo tamin'ny tanany hiala avy tamin'ny tany Egipta izany. Fa izy ireo dia tsy nitoetra tao amin'ny fanekeko, ary Izaho tsy niraharaha azy ireo—hoy ny Tompo. <sup>10</sup> Fa izao no fanekena izay ho hataoko amin'ny olon'Israely aorian'ireny andro ireny—hoy ny Tompo. Hataoko ao an-tsain'izy ireo ny lalàko, ary ho soratako ao am-pon'izy ireo ihany koa izany. Ho Andriamanitr'izy ireo Aho, ary izy ireo ho oloko. <sup>11</sup> Izy ireo dia tsy hampianatra ny mpiara-monina ary ny rahalahiny avy, hiteny hoe: 'Fantaro ny Tompo.' Fa hahafantatra Ahy ny rehetra, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra amin'izy ireo. <sup>12</sup> Fa Izaho dia hamindra fo amin'ny tsy fahamarinan'izy ireo, ary tsy hahatsiaro ireo fahotany intsony." <sup>13</sup> Amin'ny fitenenana hoe "vaovao", dia nanao ny fanekena voalohany ho taloha izy, ary izay efa lany andro sy antitra dia efa akaiky ho levona.

### Hebrews 8:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra, rehefa nampiseho fa ny fisoronan'i Kristy dia tsara kokoa noho ny fisoronana eto an-tany, dia mampiseho fa ny fisoronana eto an-tany dia lamin'ireo zavatra any an-danitra. Kristy dia manana asa fanompoana ambony, fanekena ambony.

#### Ary

Ity dia tsy midika hoe "amin'izao fotoana izao," fa nampiasana mba hisintonana ny saina ho amin'ny hevitra manan-danja izay manaraka eo.

#### lazainay

Na dia mampiasa ny mpamaritra "izahay" aza ny mpanoratra, dia milaza ny tenany fotsiny ihany izy. DH: "lazaiko" na "soratako"

#### nipetraka teo an-tanan'ankavanan'ny

Eto ny teny hoe "tanana ankavanana" dia maneho ny toeram-boninahitra. DH: "Nipetra teo amin'ny toeram-boninahitra izy." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:1.

#### ny seza fiandrianan'ilay be Voninahitra

Eto ny teny hoe "be voninahitra" dia maneho an'Andriamanitra, ary ny "seza fiandrianana" dia maneho ny fanapahan'Andriamanitra toy ny mpanjaka. DH: "Andriamanitra, ilay mpanjakanay be voninahitra"

#### ilay tabernakely marina izay Tompo, fa tsy ny olona, no nanorina azy

Ny olona dia nanamboatra ny tabernakely eto an-tany avy amin'ny hoditra biby nafatotra tamin'ny hazo voarafitra, ary izy ireo nametraka izany tamin'ny fomba toy ny lay. Eto ny "tabernakely marina" dia midika hoe ny tabernakelin'ny lanitra izay noforonin'Andriamanitra.

### Hebrews 8:3

#### Fa ny mpisoronabe rehetra dia notendrena

DH: "Fa Andriamanitra manondro ny mpisorona rehetra"

#### Ary

Ity dia tsy midika hoe "amin'izao fotoana izao," fa nampiasana mba hisintonana ny saina ho amin'ny hevitra manan-danja izay manaraka eo.

#### araka ny lalàna

"araka ny voalazan'Andriamanitra ao amin'ny lalàna"

#### tandindona sy aloky

Ireo teny roa ireo dia manana dikan-teny mitovy mba hanamafisana fa ny tabernakely dia sary fotsin'ny tena tabernakely any an-danitra. DH: "sary manjavozavo"

**aloky ny zavatra any an-danitra**

Ny mpanoratra dia miresaka ny tempoly eto an-tany, izay tandindon'ny tempoly any an-danitra, ho toy ny aloka izany.

**raha izy handeha hanamboatra tabernakely**

Mosesy tsy nanamboatra ny tabernakely. Nandidy ny olona izy mba hanamboatra izany. DH: "raha izy handeha hibaiko ny olona mba hanamboatra ny tabernakely"

**Jereo**

"ataovy azo antoka"

**araka ny modely**

"araka ny rafitra"

**izay efa naseho anao**

DH: "izay nasehoko anao"

**teny an-tendrombohitra**

Afaka hazavainao tsara fa ny "tendrombohitra" dia maneho ny tendrombohitra'i Sinay. DH: "eny amin'ny tendrombohitra'i Sinay"

**Hebrews 8:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity fizarana ity dia manomboka mampiseho fa ny fanekena vaovao dia tsara kokoa noho ny fanekena taloha niaraka tamin'siraely sy Joda.

**Kristy dia nandray**

"Andriamanitra nanome an'i Kristy"

**asa fanompoana tsara lavitra. Izany dia noho izy mpanelanelana ihany koa amin'ny fanekena tsara kokoa**

"asa fanompoana tsara lavitra, noho Kristy mpanelanelana ny fanekena tsara kokoa"

**mpanelanelana ny fanekena tsara kokoa**

Ity dia midika fa Kristy no nahatonga ny fanekena tsara kokoa teo amin'Andriamanitra sy ny olombelona mba hisy.

**izay mifototra amin'ny fampanantenana tsara kokoa**

DH: "Izany fanekena izany no nafototra' Andriamanitra tamin'ny fampanantenana tsaratsara kokoa" na " Andriamanitra dia nampanantena zavatra tsara kokoa rehefa nanao izany fanekena izany Izy"

**fanekena voalohany ... fanekena faharoa**

Ny teny hoe "voalohany" sy "faharoa" dia isa. DH: "fanekena taloha ... fanekena vaovao"

**tsy nanan-tsiny**

"tonga lafatra"

**Hebrews 8:8****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ity teny nindramina ity ny mpaminany Jeremia dia nilaza mialoha ny fanekena vaovao izay ho hataon'Andriamanitra.

**tamin'ny olona**

"tamin'ireo vaohakan'Isiraely"

**Indro**

"Jereo" na "henoy" na "mifantoha tsara amin'izay ho lazaiko aminareo"

**ho avy ny andro**

Ny ho avy dia resahina toy ny hoe mihetsika mankany amin'ilay olona miteny. DH: "Hisy fotoana"

**nitondrako azy ireo tamin'ny tanany hiala avy tamin'ny tany Egypta**

Ity sari-teny ity dia maneho ny fitiavana lehiben'Andriamanitra sy ny ahiahiny. DH: "nentiko nivoaka ny Egipta izy ireo toy ny ray izay mitondra ny zanany kely"

**Fa izy ireo dia tsy nitoetra tao amin'ny fanekeko**

Ny fankatoavana ny fanekem-pihavanana' Andriamanitra dia resahina toy ny hoe tokony hisy hanohy izany ao anatin'ny. DH: "izy ireo dia tsy nankatoa ny fanekeko"

**Hebrews 8:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity dia teny nindramina avy tao amin'i Jeremia mpaminany.

**aorian'ireny andro ireny**

"aorian'izany fotoana izany"

**Hataoko ao an-tsain'izy ireo ny lalàko**

Ireo fepetran'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka hapetraka any ho any ireo. Ny fahaizan'ny olona mieritreritra dia resahina toy ny hoe toerana. DH: "Hanome fahafahana azy ireo Aho mba hahatakatra ireo lalàko"

**ary ho soratako ao am-pon'izy ireo ihany koa izany**

Ny fon'ny olona, izay eritreretina ho ivon'ny tsy fivadihan'izy ireo amin'Andriamanitra, dia resahina toy ny hoe pejy izay afaka hanoratana. DH: "Hanome fahafahana azy ireo ihany koa Aho mba hankatoa ireo lalàko amin-kitsim-po"

**Ho Andriamanitra'izy ireo Aho**

"ho Andriamanitra hankalazain'izy ireo Aho"

**ary izy ireo ho oloko**

"izy ireo ho olona izay ho karakaraiko"

### Hebrews 8:11

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ity dia manohy ny teny nindramina avy tao amin'i Jeremia mpaminany.

#### Izy ireo dia tsy hampianatra ny mpiara-monina ary ny rahalahiny avy, hiteny hoe: 'Fantaro ny Tompo

DH: "Izy ireo dia tsy mila mampianatra ireo mpiara-monina aminy na ny rahalahiny mba hafantatra Ahy"

#### mpiara-monina ... rahalahy

Ireo teny ireo dia samy maneho avy ireo namana Isiraelita.

**Fantaro ny Tompo ... hahafantatra Ahy ny rehetra**  
Ny hoe "Fantaro" eto dia maneho ny fanekena.

#### ny tsy fahamarinan'izy ireo

Ity dia maneho ireo olona izay nanao ireo asa tsy marina ireo. DH: "ireo izay nanao asa tsy marina"

#### ary tsy hahatsiaro ireo fahotany intsony

Eto ny teny hoe "hahatsiaro" dia milaza hoe "hisaina momban'ny."

### Hebrews 8:13

#### efa akaiky ho levona

"ho levona tsy ho ela"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Ary na dia ny fanekena voalohany aza dia nanana fitsipi-pivavahana sy fitoerana masina eto an-tany. <sup>2</sup> Fa nisy tabernakely izay nomanina. Ny efitra voalohany, izay nisy ny fitoeran-jiro, ny latabatra, ary ny mofon'ny fanatrehana, dia nantsoina hoe fitoerana masina. <sup>3</sup> Ao ambadiky ny lamba faharoa dia nisy efitra iray hafa, antsoina hoe toerana masina indrindra. <sup>4</sup> Nisy alitara volamena ho an'ny ditin-kazo manitra izany. Nisy ny fiaran'ny fanekena ihany koa, izay rakotra volamena tanteraka. Tao anatin'izany dia nisy siny volamena izay nisy ny mana, ny tehin'i Arona izay naniry, ary ireo vato fisaky ny fanekena. <sup>5</sup> Eny ambonin'ny fiaran'ny fanekena, dia kerobima be voninahitra maro no manaloka ny sarona fanaronana, izay tsy afaka resahanay amin'ny antsipirihiny ankehitriny. <sup>6</sup> Rehefa voahomana ireo zavatra ireo, dia niditra tao amin'ny efitra ivelan'ny tabernakely foana ireo mpisorona mba hanao ny fanompoan'izy ireo. <sup>7</sup> Fa ny mpisoronabe ihany no niditra indray mandeha isan-taona tao amin'ny efitra faharoa, ary niaraka tamin'ny rà izay natolony ho an'ny tenany sy ho an'ireo fahotana tsy ninian'ireo olona. <sup>8</sup> Nasehon'ny Fanahy Masina fa ny lalana mankao amin'ny toerana masina indrindra dia mbola tsy naseho raha mbola mitsangana ny tabernakely voalohany. <sup>9</sup> Izany dia fanoharana ho an'izao fotoana ankehitriny izao. Ireo fanomezana sy ireo sorona izay atolotra ankehitriny dia samy tsy afaka hahatanteraka ny fieritreretany mpivavaka iray. <sup>10</sup> Mifantoka amin'ny sakafo sy zava-pisotro sy karazam-pomba fidiovana maro fotsiny ireo. Ireo rehetra ireo dia fitsipika ho an'ny nofo avokoa izay nomena mandra-panamboarana ny fandaminana vaovao. <sup>11</sup> Kristy dia niavy tahaka ny mpisoronaben'ireo zavatra tsara izay tonga. Nandeha tamin'ny alalan'ny tabernakely lehibe kokoa sy lafatra kokoa izay tsy nataon'ny tanan'olombelona Izy, izay tsy an'izao tontolo voahary izao. <sup>12</sup> Tsy tamin'ny rà ireo osy lahy sy vantotr'omby vavy izany, fa tamin'ny ràny manokana izay niditra tao amin'ny toerana masina indrindra indray mandeha monja ho an'ny rehetra ary niaro ny famonjentsika mandrakizay. <sup>13</sup> Fa raha ny rà ireo osy sy ireo omby lahy ary ny famafazana ny lavenon'ny vantotr'omby vavy eo amin'ireo izay lasa maloto no manokana azy ireo eo amin'Andriamanitra ho fanadiovana ny nofon'izy ireo, <sup>14</sup> toy ny ahoana ny fihooan'ny rà'i Kristy, izay nanolotra ny Tenany tsy misy kilema ho an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, hanadio ny fieritreretantsika hiala amin'ny asa maty mba hanompoana ilay Andriamanitra velona? <sup>15</sup> Noho izany antony izany, dia Izy no mpanalalana ny fanekena vaovao. Izany dia, satria nisy fahafatesana iray niseho mba hanafaka ireo izay ambanin'ny fanekena voalohany amin'ny fahotan'izy ireo, dia handray ny fampanantenany lova mandrakizay ireo izay voaantso. <sup>16</sup> Fa raha misy didim-pananana, ny fahafatesan' ilay olona izay nanao izany dia tsy maintsy voaporofa. <sup>17</sup> Fa rehefa misy fahafatesana ihany vao manan-kery ny didim-pananana, satria tsy manan-kery izany raha toa ka mbola velona ilay olona izay nanao izany. <sup>18</sup> Koa na dia ny fanekena voalohany aza tsy natao raha tsy nisy rà. <sup>19</sup> Fa rehefa nanome ny didy rehetra tao amin'ny lalàna tamin'ireo olona rehetra Mosesy, dia naka ny rà ireo omby sy ireo osy, niaraka tamin'ny rano, volon'ondry jaky mena, sy hysopa izy, ary namafy teo amin'ny boky sy ny olona rehetra. <sup>20</sup> Ary izy niteny hoe: "Inty no rà ny fanekena izay nandidian'Andriamanitra ho anareo." <sup>21</sup> Toy izany koa, dia namafy ny rà teo amin'ny tabernakely sy ireo fitoeran-javatra rehetra hampiasaina amin'ny fanompoana izy. <sup>22</sup> Araka ny lalàna, dia saika ny zavatra rehetra no vadio tamin'ny rà. Raha tsy misy fandatsahan-drà dia tsy misy famelan-keloka. <sup>23</sup> Noho izany dia nilaina ny tandindon'ireo zavatra any an-danitra mba ho voadion'ny soron'ireo biby ireo. Na izany aza, ireo zavatra ny lanitra mihintsy no nila nodiovina tamin'ny sorona tsara kokoa. <sup>24</sup> Fa Kristy dia tsy niditra tao amin'ny toerana masina indrindra izay nataon'ny tanana, izay tandindon'ilay iray izay tena izy fotsiny ihany. Fa kosa niditra tany an-danitra mihintsy Izy, mba hiseho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ho antsika ankehitriny. <sup>25</sup> Tsy nandeha tao mba hanolotra ny tenany imbetsaka Izy, tahaka ny fanaon'ny mpisoronabe, izay miditra ao amin'ny toerana masina indrindra isan-taona niaraka tamin'ny rà ny hafa. <sup>26</sup> Fa raha izany ny zava-nitranga, dia nila nijaly imbetsaka nanomboka tamin'ny fanorenana izao tontolo izao Izy. Fa ankehitriny dia indray mandeha monja no nampisehoana Azy mba hanaisotra ny fahotana amin'ny alalan'ny soron'ny tenany ihany. <sup>27</sup> Efa natao ho faty indray mandeha ny olon-drehetra, ary aorian'izany no ho avy ny fitsarana. <sup>28</sup> Tahaka izany ihany koa, Kristy, izay natolotra indray mandeha mba hanala ireo fahotan'ny maro, dia hiseho fanindroany, tsy handraraha ny ota, fa ho an'ny famonjena ireo izay miandry Azy amim-paharetana.

### Footnotes

9:11 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Jesosy dia tonga toy ny mpisoronaben'ireo zavatra tsara izay ho avy."



**Hebrews 9:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manazava amin'ireo mpino Jiosy fa ireo lalàna sy ny tabernakelin'ny fanekem-pihavanana taloha dia sarin'ny fanekena vaovao tsara kokoa fotsiny ihany.

**Ary**

Ity teny ity dia manamarika fizarana vaovao amin'ny fampianarana.

**fanekena voalohany**

Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 8:6 ity.

**nanana fitsipi-pivavahana**

"nanana fampianarana amin'ny antsipiriany" na "nanana fitsipika"

**Fa**

Ny mpanoratra dia manohy ny resaka tao amin'ny 08:06.

**nisy tabernakely izay nomanina**

Ny tabernakely dia namboarina ary natao vonona ny ho ampiasaina. DH: "nanomana tabernakely ireo Isiraelita"

**mofon'ny fanatrehana**

DH: "ny mofo izay aseho eo anatrehan' Andriamanitra" na "ny mofo izay natolotr'ireo mpisorona an'Andriamanitra"

**Hebrews 9:3****Ao ambadiky ny lamba faharoa**

Ny lamba voalohany dia ivelan'ny rindrin'ny tabernakely, ary ny "lamba faharoa" dia lamba teo anelanelan'ny "toerana masina" sy ny "toerana masina indrindra."

**faharoa**

izany dia laharan'isa roa.

**Tao anatin'izany**

"tao anatin'ilay fiaran'ny fanekena"

**ny tehin'i Arona izay naniry**

Ity dia maneho ny fotoana nanaporofoan' Andriamanitra ireo vaohakan'Isiraely fa nifidy an'i Arona ho mpisoronany mba ampaniry ny tehin'i Arona Izy.

**naniry**

"namelana" na "namokatra" na "nitombo sy nivelatra"

**vato fisaky ny fanekena**

Eto ny teny hoe "vato fisaka" dia singam-bato fisaka izay voasoratra eo amin'izy ireo. ity dia maneho ireo vato fisaka izay nanoratana ireo didy folo.

**kerobima be voninahitra**

Rehefa nanamboatra ny fiaran'ny fanekena ireo Isiraelita, dia nandidy azy ireo Andriamanitra mba hanefy kerobima roa mihendrika ny tsirairay, miaraka amin'ireo helany mifampikasika, eo amin'ny sarona fanaronana eo amin'ny fiaran'ny fanekena. Eto izy ireo dia resahina toy ny hoe mpanome alokaloka ho an'ny fiaran'ny fanekena. DH: "ny kerobima miaraka amin'ireo helany nanarona"

**kerobima**

Eto ny "kerobima" dia midika tarehimarika kerobima roa.

**izay tsy afaka resahanay**

Na dia mampiasa ny teny hoe "izahay" aza ny mpanoratra, dia maneho ny tenany fotsiny ihany izy. DH: "Izay tsy afaka resahako"

**Hebrews 9:6****Rehefa voahomana ireo zavatra ireo**

DH: "Rehefa avy nanomana ireo zavatra ireo ny mpisorona"

**rà**

Ity dia ràn'omby sy osy izay nataon'ny mpisoronabe sorona tamin'ny Andron'ny fanakonana.

**Hebrews 9:8****ny lalana mankao amin'ny toerana masina indrindra dia mbola tsy naseho**

DH: "Andriamanitra mbola tsy naneho ny lalana mankany amin'ny toerana masina indrindra"

**toerana masina indrindra**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) ny efitra anatin'ny tabernakely eto an-tany na 2) ny fanatrehan'Andriamanitra any an-danitra.

**raha mbola mitsangana ny tabernakely voalohany**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) "raha mbola mijoro ny efitra ivelan'ny tabernakely" na 2) "raha mbola misy ny tabernakelin'ny tany sy ny rafitry ny sorona."

**Izany dia fanoharana**

"izany dia sary" na "izany dia famantarana"

**ho an'izao fotoana ankehitriny izao**

"ankehitriny"

**izay atolotra ankehitriny**

DH: "Izay atolotr'ireo moisorona ankehitriny"

**tsy afaka hahatanteraka ny fieritreretany mpivavaka**

Ny mpanoratra dia miresaka ny fieritreretany olona toy ny hoe zavatra izay afaka atao mihatsara kokoa hatrany mandrapaha-tsy hisy tsiny izany. Ny fieritreretany olona dia ny fahalalany ny marina

sy ny diso. Izany koa dia ny fahalalany na nanao fahadisonana izy na tsia. Raha fantany fa nanao fahadisoana izy, dia milaza izahay fa matsapa meloka izy. DH: "tsy afaka manafaka ireo mpivavaka amin'ny heloka vitany"

#### **fieritreretana'ny mpivavaka**

Ny mpanoratra dia hita hoe maneho mpivavaka iray ihany, fa ny tiany hambara dia ireo rehetra izay tonga midera an'Andriamanitra any amin'ny tabernakely.

#### **fitsipika ho an'ny nofo**

Eto ny "nofo" dia maneho ny vatana. DH: "fitsipika ho an'ny vatana"

#### **Ireo rehetra ireo dia fitsipika ho an'ny nofo avokoa izay nomena**

DH: "Andriamanitra nanome ireo fitsipika rehetra ireo ho an'ny nofo"

#### **izay nomena mandra-panamboarana ny fandaminana vaovao**

DH: "izay nomen'Andriamanitra mandra-panamboarany ny fandaminana vaovao"

#### **fandaminana vaovao**

"fanekena vaovao"

### **Hebrews 9:11**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa namaritra ny fanompoana ny tabernakely teo ambanin'ny lalàn'Andriamanitra, dia manazava ny mpanoratra fa ny fanompoana an'i Kristy eo ambanin'ny fanekena vaovao dia tsara kokoa satria voahisy tombo-kase tamin'ny ràny. Tsara kokoa ihany koa izany satria Kristy dia niditra tao amin'ny "tabernakely" marina, izany dia, ny fanatrehan'Andriamanitra manokana any andanitra, raha tokony hiditra, toy ireo mpisoronabe hafa, ao amin'ny tabernakely eto an-tany, izay fandikana mitovy tsy tonga lafatra.

#### **zavatra tsara**

Ity dia tsy maneho ireo zavatra ara-materialy. Izany dia midika ireo zavatra tsara izay nampanantenain'Andriamaniaatra tao amin'ny fanekenany vaovao.

#### **tabernakely lehibe kokoa sy lafatra kokoa**

Ity dia midika fa ny lain-danitra na tabernakely dia manan-danja kokoa sy tena lafatra noho ny tebernakely eto an-tany.

#### **izay tsy nataon'ny tanan'olombelona**

DH: "izay tsy ny tanan'olombelona no nanao azy"

#### **toerana masina indrindra**

Ny fanatrehan'Andriamanitra any an-danitra dia resahina toy ny hoe toerana masina indrindra, ny efitra anatiny indrindra ao amin'ny tabernakely.

### **Hebrews 9:13**

#### **famafazana ny lavenon'ny vantotr'omby vavy eo amin'ireo izay lasa maloto**

Ny mpisorona dia handraraka vovon-davenina kely eo amin'ny olona maloto.

#### **ho fanadiovana ny nofon'izy ireo**

Eto ny "nofo" dia maneho ny vatana iray manontolo. DH: "ho fanadiovana ny vatan'izy ireo"

#### **toy ny ahoana ny fihorana'ny ràni Kristy ... hanadio ny fieritreretantsika hiala amin'ny asa maty mba hanompo ilay Andriamanitra velona?**

Ny mpanoratra dia mampiasa ity fanontaniana ity mba hanamafisana fa ny soron'i Kristy no nahery indrindra. DH: "Azo antoka fa ny ràni Kristy dia hanadio ny fieritreretantsika bebe kokoa amin'ny asa maty aza mba hanompoana an'Andriamanitra velona! Satria, tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, dia nanolotra ny tenany tsy misy kilema teo anatrehan' Andriamanitra Izy."

#### **ny ràni Kristy**

Ny "rà" an'i Kristy dia mijoro ho an'ny fahafatesany.

#### **hanadio ny fieritreretantsika**

Eto ny "fieritreretana" dia maneho ny fahatsapan'ny olona ho meloka. Satria Jesosy nanao sorona ny tenany, dia tsy voatery ho meloka tamin'ireo fahotana nataony intsony ireo mpino satria namindra fo azy ireo Izy.

#### **kilema**

Ity dia fahotana madinika na fahadisoana ara-moraly resahina eto toy ny hoe toerana kely, na takaitra tsy fahita firy amin'ny tenan'i Kristy.

#### **hanadio**

Eto ny "hanadio" dia maneho ny hetsika fanenana ny fieritreretantsika ho meloka nohon'ny fahotana nataotsika.

#### **asa maty**

Ireo asa feno fahotana dia resahina toy ny hoe an'ny tontolon'ny fahafatesana ireo.

#### **Noho izany antony izany**

"Vokatr'izany" na "Noho izany"

#### **Izy no mpanalalana ny fanekena vaovao**

Izany dia midika fa Kristy no nahatonga ny fanekena vaovao teo amin'Andriamanitra sy ny olombelona mba hisy.

#### **fanekena voalohany**

Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 8:6 ity.

#### **reo izay voantso.**

DH: "ireo izay nofidin'Andriamanitra ho zanany"

**lova**

Ny fandraisana izay nampanantenain' Andriamanitra an'ireo mpino dia resahina toy ny hoe mandova fananana sy harena avy amin'ny isan'ny fianakaviana.

**Hebrews 9:16****didim-pananana**

taratasy voamarina iray izay misy an'ilay olona izay tokony handray ireo fananany rehefa maty izy

**Ny fahafatesan' ilay olona izay nanao izany dia tsy maintsy voaporofa**

DH: "tsy maintsy misy manaporofa fa maty ilay olona nanao ny didim-pitsarana"

**Hebrews 9:18****Koa na dia ny fanekena voalohany aza tsy natao raha tsy nisy rà**

DH: "Noho izany dia napetrak'Andriamanitra tamin'ny rà na dia ny fanekena voalohany aza

**fanekena voalohany**

Adikao toy ny nataonao tao amin'ny 8:6 ity.

**rà**

Ny fahafatesan'ny biby natao sorona ho an' Andriamanitra dia resahina toy ny hoe tsinotsinona izany fa rà. DH: "ny fahafatesan'ny biby izay natao sorona ho an'Andriamanitra"

**naka ny rà ... niaraka tamin'ny rano ...ary namafy ... amin'ny boky ... sy ny olona rehetra**

Ny mpisorona nanatsoboka ny hysopa tao amin'ny rà sy ny rano ary avy eo nanozongozona ny hysopa mba tsy hitete ny rà sy rano ka hianjera eo amin'ny boky sy eo amin'ny olona. Ny famafazana dia hetsika famantarana nataon'ireo mpisorona izay nanatanterahan'izy ireo ny tombotsoan'ny fanekena ho an'ny olona sy ireo zavatra. Eto ny boky sy ny faneken'ny olona an'Andriamanitra dia navaozina.

**hysopa**

Hazo madinika miaraka amin'ny voninkazo amin'ny fahavaratra, hampiasaina amin'ny fetin'ny famafazana

**ràn'ny fanekena**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'ny biby natao sorona mba hitondra ireo zavatra takian'ny fanekem-pihavanana. DH: "ny rà izay mitondra any amin'ny vokatry ny fanekena"

**Hebrews 9:21****namafy izy**

"namafy Mosesy"

**namafy**

Ny famafazana dia hetsika famantarana nataon' ireo mpisorona izay nanatanterahan'izy ireo ireo

ny tombotsoan'ny fanekena ho an'ny olona sy ireo zavatra. Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 9:18.

**ireo fitoeran-javatra rehetra izay ampiasaina amin'ny fanompoana**

Ny fitoeran-javatra dia zavatra iray izay afaka hihazona zavatra. Eto izany dia mety maneho ny karazana fanaka na fitaovana. DH: "Ireo fitaovana rehetra dia nampiasana tamin'ny fanompoana"

**nampiasana tamin'ny fanompoana**

DH: "nampiasain'ireo mpisorona tamin'ny asan'izy ireo"

**saika ny zavatra rehetra no vadio tamin'ny rà**

Ny fanaovana zavatra iray ho eken'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe fanadiovana izany zavatra izany. DH: "Ny mpisoroana dia nampiasa rà mba hanadiovana saika ny zava-drehetra"

**rà**

Eto ny "rà" an'ny biby dia miresaka momban'ny fahafatesan'ny biby.

**Raha tsy misy fandatsahan-drà dia tsy misy famelana.**

Eto ny "fandatsahan-drà" dia maneho zavatra maty iray ho toy ny sorona ho an'Andriamanitra. Ireo fandavana roa ireo dia afaka midika hoe avy amin'ny fandatsahan-drà ny famelan-keloka rehetra. DH: "Ny famelan-keloka dia tonga rehefa misy zavatra maty toy ny sorona ihany" na "Andriamanitra dia mamela heloka rehefa misy maty ho toy ny sorona ihany"

**famelan-keloka**

DH: "ny famelana ireo otan'ny olona"

**Hebrews 9:23****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manamafy fa Kristy (ankehitryny any an-danitra mifona ho antsika) dia tokony ho faty indray mandeha ihany tamin'ireo fahotana ary hiverina eto an-tany fanindroany.

**ny tandindon'ireo zavatra any an-danitra mba ho voadion'ny soron'ireo biby ireo**

DH: "ireo mpisorona dia tokony hampiasa ireo soron'ireo biby ireo mba hanadio izay tandindon'ireo zavatra izay any an-danitra"

**ireo zavatra ny lanitra mihintsy no nila nodiovina tamin'ny sorona tsara kokoa**

Izany dia, tsara kokoa noho ireo sorona nampiasana mba hanadiovana ny tandindon'ny tany. DH: "tahaka ireo zavatra ny lanitra mihintsy, no tokony hanadiovan'Andriamanitra azy ireo amin'ny sorona tsara kokoa"

**nataon'ny tanana**

Eto ny "tanana" dia maneho ny olombelona. DH: "izay nataon'ny tanan'olombelona"

**ilay iray izay tena izy**  
"ilay toerana tena masina indrindra"

### Hebrews 9:25

**Tsy nandeha tao Izy**  
"Tsy niditra tao an-danitra Izy"

**niaraka tamin'ny rà'n'ny hafa**  
Ity dia midika hoe niaraka tamin'ny rà'n'ny biby, fa tsy tamin'ny ràny manokana.

**Fa raha izany ny zava-nitranga**  
"Raha mila manolotra ny tenany matetika Izy"

**nanomboka tamin'ny fanorenana izao tontolo izao**  
Ny famoronana izao tontolo izao dia resahina toy hoe trano izao tontolo izao ary ny fototra no fizarana voalohany izay hamboarina. DH: "Hatramin'ny nanombohan'Andriamanitra ny famoronana an'izao tontolo izao"

**nampisehoana Azy**  
DH: "nampisehon'Andriamanitra Izy"

**mba hanaivotra ny fahotana amin'ny alalan'ny soron'ny Tenany ihany**  
Ity dia miresaka momban'ny fahotana toy ny hoe zavatra izay afaka esorin'ny olona izany. DH: "mba hahatonga an'Andriamanitra hamela ireo heloka amin'ny fanaovana sorona ny tenany"

### Hebrews 9:27

**Kristy ihany koa, izay natolotra**  
DH: "Kristy ihany koa, izay nanolotra ny tenany"

**mba hanala ireo fahotan'ny maro**  
Ny hetsika fanaovana antsika ho tsy maman-tsiny raha tokony ho meloka noho ireo fahotantsika dia resahina toy ny hoe zavatra ara-nofo izay afaka esorin'i Kristy amintsika ireo fahotantsika. DH: "mba hamelan'Andriamanitra ireo fahotana"

**ireo fahotana**  
Eto ny "fahotana" dia midika hoe heloka izay hananan'ny olona eo anatrehan'Andriamanitra nohon'ny fahotana izay nataon'izy ireo.

## Chapter 10

<sup>1</sup> Fa ny lalàna dia alok'ireo zavatra tsara ho avy fotsiny, fa tsy tena endrik'ireo zavatra ireo. Ireo izay manatona an'Andriamanitra dia tsy afaka ny ho lafatra amin'ny alalan'ny sorona mitovy amin'izay entin'ireo mpisorona isan-taona. <sup>2</sup> Raha izany tsy efa nitsahatra ny nanolotra ireny sorona ireny ve izy ireo? Amin'izany tranga izany, raha efa nodiovina indray mandeha monja izy ireo, dia tsy mba hahafantatra ny ota intsony ireo mpivavaka. <sup>3</sup> Fa amin'ireo sorona ireo dia misy fampatsiahivana ireo ota isan-taona. <sup>4</sup> Satria ny rà'n'ny omby lahy sy osy lahy dia tsy mahavita manala ireo ota. <sup>5</sup> Rehefa tonga teto amin'izao tontolo izao Kristy, dia niteny Izy hoe: "Tsy sorona na koa fanatitra no nirianareo. Fa kosa, vatana izay efa nomaninareo ho Ahy. <sup>6</sup> Ny fanatitra nodorana na sorona ho an'ny ota dia tsy nifalianao. <sup>7</sup> Ary hoy Aho hoe: "Jereo, inty Aho, araka izay voasoratra momba Ahy ao amin'ny Soratra Masina, mba hanao ny sitrakareo." <sup>8</sup> Voalohany niteny izy hoe: "Tsy sorona, na koa fanatitra, na fanatitra nodorana, na sorona ho an'ny ota no nirinareo. Ary Ianao tsy nifaly tao amin'izy ireny." Ireny dia sorona izay atolotra araka ny lalàna. <sup>9</sup> Ary niteny izy hoe: "Jereo, inty Aho hanao ny sitrakareo." Izy dia nanala ny fampiharana voalohany mba hametrahana ny fampiharana faharoa. <sup>10</sup> Tamin'izany sitraka izany, isika dia nohamasinina tamin'ny alalan'ny fanatitry ny vatan'i Jesosy Kristy indray mandeha monja. <sup>11</sup> Amin'ny lafiny iray, ny mpisorona rehetra dia mijoro isan'andro manompo an'Andriamanitra. Izy dia manolotra sorona mitovy hatrany, na izany aza izy ireo dia tsy afaka manala ireo ota mihintsy. <sup>12</sup> Amin'ny lafiny iray hafa, Kristy dia nanolotra sorona iray ho an'ny ota mandrakizay, nipetraka teo an-tanan'ankavanana Andriamanitra Izy. <sup>13</sup> Izy dia miandry mandra-panaovana ireo fahavalony ho fitoeran-tongotra ho an'ny tongony. <sup>14</sup> Fa tamin'ny fanatitra iray izy dia nahalavorary mandrakizay ireo izay nohamasinina. <sup>15</sup> Ny Fanahy Masina koa dia mijoro vavolombelona ho antsika. Fa tamin'ny voalohany Izy niteny hoe: <sup>16</sup> "Ity no fanekena izay ho ataoko miaraka amin'izy ireo aorian'ireo andro ireo, hoy ny Tompo. Hapetrako ao am-pon'izy ireo ny lalàko, ary hanoratra izany ao an-tsain'izy ireo Aho. <sup>17</sup> Tsy hahatsiaro ny ota sy ireo helok'izy ireo intsony Aho." <sup>18</sup> Ary na aiza misy famelana izany, dia tsy misy sorona ho an'ny ota intsony. <sup>19</sup> Noho izany, ry rahalahy, isika dia manana fahatokiana ny hiditra ao amin'ny toerana masina indrindra tamin'ny rà'n'i Jesosy. <sup>20</sup> Izany no lalana vaovao sady velona izay nosokafany ho antsika tamin'ny alalan'ny lamba, izany hoe, tamin'ny alalan' ny nofony. <sup>21</sup> Satria isika dia manana mpisorona lehibe mitandrana ny tranon'Andriamanitra, <sup>22</sup> aoka isika hanatona amin'ny fo madio amin'ny finoana feno fahatokiana, mba hananantsika fo voadio amin'ny fieritreretana ratsy ary hananantsika vatana voadio tamin'ny rano madio. <sup>23</sup> Aoka isika hiazona mafy ny fanekena ny fiandrandrana mahatokintsika, tsy am-pihozongozonana, satria Andriamanitra, izay nampanantena, dia mahatoky. <sup>24</sup> Aoka isika handinika ny fomba handrisihana ny tsirairay amin'ny fitiavana sy ireo asa tsara. <sup>25</sup> Aoka isika tsy hanajanona ny fiarahana miangona, tahaka ny nataon'ny sasany. Fa kosa, mifankahereza hatrany hatrany, ary maika fa hitanareo fa manakaiky ny andro. <sup>26</sup> Fa raha toa isika minia manota rehefa avy nandray ny fahalalana ny marina, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony. <sup>27</sup> Fa kosa, tokana ihany ny fiandrasana mahatahotry ny fitsarana, ary fahatezerana mirehitra izay hamotika ireo fahavalon'Andriamanitra. <sup>28</sup> Na iza na iza nandà ny lalàn'i Mosesy dia ho faty tsy misy indrafo amin'ny fijorona vavolombelon'ireo roa na telo izay nanatri-maso. <sup>29</sup> Fanasaziana ratsy lavitra toy ny ahoana no eritreretinareo fa mendrika ireo izay nanitsaka ny Zanak'Andriamanitra, izay nanao ny rà'n'ny fifanekena ho tsy masina—Ilay rà izay nanamasinana Azy—ary naniratsira ny Fanahin'ny fahasoaavana? <sup>30</sup> Fa isika mahafantatra ilay iray izay niteny hoe: "Ahy ny valifaty; Izaho no hamaly." Ary koa: "Ny Tompo dia hitsara ny olony." <sup>31</sup> Zavatra mampitahotra no hilatsaka eo an-tananan'ny Andriamanitra velona! <sup>32</sup> Fa tadidio ireo andro taloha, rehefa nohazavaina ianareo, ny fomba niharetanareo ny ady mafy tamin'ny fijaliana. <sup>33</sup> Ianareo dia nalaina baraka ampahibemaso tamin'ny fanaratsiana sy tamin'ny fanenjehana, ary ianareo dia niaraka nizara tamin'ireo izay nandalo fijaliana toy izany. <sup>34</sup> Satria ianareo dia nanana fangoraham-po tamin'ireo izay voafonja, ary ianareo dia nanaiky tamin-pifaliana ny fangalàna ny fanananareo. Dia nahafantatra ianareo fa ny tenanareo dia manana fananana tsara kokoa sy maharitra mandrakizay. <sup>35</sup> Noho izany dia aza ariana ny fahatokianareo, izay manana valisoa lehibe. <sup>36</sup> Fa ianareo dia mila faharetana, mba hahazaoanareo izay nampanantenain'Andriamanitra, rehefa nanao ny sitrapony ianareo. <sup>37</sup> Fa tsy ho ela akory, ilay iray izay ho avy dia ho avy tokoa ary tsy ho tara. <sup>38</sup> Ny oloko marina dia hivelona amin'ny finoana. Raha mihemotra izy, Izaho dia tsy ho faly aminy." <sup>39</sup> Fa isika dia tsy anisan'ireo izay mihemotra ho amin'ny faharavana. Fa kosa, isika dia anisan'ireo izay manana finoana ho amin'ny fihazonana ny fanahintsika.

## Footnotes

10:34 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia tsy ahitana ny fehezanteny hoe: "Fa ianareo dia nanana fangoraham-po tamin'ny gadrako."

## Hebrews 10:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia mampiseho ny fahalemen'ny lalàna sy ny fanatiny, ny antony nanomezan' Andriamanitra ny lalàna, ary ny maha-tonga lafatra ny fisoronana vaovao sy ny soron'i Kristy.

**ny lalàna dia alok'ireo zavatra tsara ho avy fotsiny**

Ity dia miresaka momban'ny lalàna toy ny hoe aloka izany. Ny mpanoratra dia milaza fa ny lalàna dia tsy ilay zavatra tsara izay nampanantenain'Andriamania. Izany dia tombatombana fotsiny ny amin'ny zavatra tsara izay hataon'Andriamanitra.

**tsy tena endrik'ireo zavatra ireo**

"tsy tena ireo zavatra ireo mihintsy"

**tsy efa nitsahatra ny nanolotra ireny sorona ireny ve izy ireo?**

Ny mpanoratra dia mampiasa fanontaniana mba hampisehoana fa ireo sorona dia voafehy eo amin'ny herin'izy ireo. DH: "Izy ireo dia hijanona hanolotra ireo sorona ireo."

**raha efa nodiovina ... izy ireo**

Ireo fahotan'ny olona dia resahina toy ny hoe afaka ny ho vadio ara-batana. DH: "raha efa namela ny fahotan'izy ireo Andriamanitra"

**tsy mba hahafantatra ny ota intsony**

"hahafantatra fa izy ireo dia tsy voaheloky ny ota intsony"

**Satria ny rà'n'ny omby lahy sy osy lahy dia tsy mahavita manala ireo ota**

Ireo fahotana dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka diovin'ny rà'n'ny biby raha mikoriana izany. DH: "Fa tsy vitan'ny rà'n'ny omby lahy sy osy lahy ny hahatonga an'Andriamanitra hamela ireo fahotana"

**ràn'ny omby lahy sy osy lahy**

Eto ny "rà" dia maneho ireo biby maty ireo ho toy ny sorona ho an'Andriamanitra.

## Hebrews 10:5

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny tenin'i Kristy tamin'izy teto an-tany dia nambara mialoha tato amin'ity teny nindramina avy ao amin'ny Salamo nataon'i Davida ity.

**nirianareo**

Eto ny hoe "nirianareo" dia maneho an' an'Andriamanitra.

**Ary hoy aho hoe**

Eto ny "Aho" dia maneho an'i Kristy.

**araka izay voasoratra momba Ahy ao amin'ny Soratra Masina**

DH: "araka ny nosoratan'ireo mpaminany momba Ahy ao amin'ny Soratra Masina"

## Hebrews 10:8

**sorona ... fanatitra ... fanatitra nodorana ... sorona ho an'ny ota**

Adikao mitovy amin'ny nataonao tao amin'ny 10:5 ireo teny ireo.

**izay atolotra**

DH: "izay atolotr'ireo mpisorona"

**Jereo**

"jereo" na "henohy"

**nanala ny fampiharana voalohany**

Ny fitsaharana manao izany dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka esorina izany. DH: "manakana ireo fahotana amin'ny fomba voalohany"

**fampiharana voalohany ... fampiharana faharoa**

Ireo teny "voalohany" sy "faharoa" dia laharan'isa. DH: "fampiharana taloha ... fampiharana vaovao"

**mba hametrahana ny fampiharana faharoa**

Ny fanomboana ny fampiharana faharoa mba hampiala ny ota dia resahina toy ny hoe mametraka izany fampiarana izany. DH: "mba hanala ireo fahotana ny fomba faharoa"

**isika dia nohamasinina**

DH: "Andriamanitra nanamasina antsika" na "Andriamanitra nanolotra ny tenany ho antsika"

**tamin'ny alalan'ny fanatitrin'ny vatan'i Jesosy Kristy**

Ny teny hoe "fanatitra" dia azo adika amin'ny matoanteny hoe "manolotra" na "sorona". DH: "Rehefa nanolotra ny tenany Jesosy Kristy ho sorona" na "satria Jesosy Kristy nanao sorona ny tenany"

**Hebrews 10:11**

**Amin'ny lafiny iray ... Amin'ny lafiny iray hafa**  
Ireo fehezanteny ireo dia nampiasaina mba hampitahana zavatra roa. Ny fiteninao dia mety manana fomba hanamafisana fa manao fanoharana ny mpanoratra. Na afaka esorinao ilay hoe "amin'ny lafiny iray" ary adika hoe "fa" fotsiny ilay hoe "amin'ny lafiny iray hafa."

**tsy afaka manala ireo ota mihintsy**

Ity dia miresaka ny "fahotana" toy ny hoe zavatra izay afaka esorin'ny olona. DH: "tsy afaka hahatonga an'Andriamanitra hamela ireo fahotana mihintsy"

**nipetraka teo an-tanana ankavanana'Andriamanitra Izy**

Eto ny "tanana ankavanana" dia maneho toeram-boninahitra. DH: "Izy dia nipetraka teo amin'ny toeram-boninahitra teo akaikin'Andriamanitra." Jereo ny nandikana izany tao amin'ny 1:1

**mandra-panaovana ireo fahavalony ho fitoeran-tongotra ho an'ny tongony**

Ny fanalan'i Kristy baraka an'ireo fahavalony dia resahina toy ny hoe lasa fitoeran'ny fitsaharan'ny tongony izy ireo. DH: "mandra-panaovan'Andriamanitra ireo fahavalon'i Kristy ho afa-baraka ary lasa toy ny fitoeran-tongony"

**ireo izay nohamasinina**

DH: "ireo izay hamasinin'Andriamanitra" na "ireo izay nanoloran'Andriamanitra ny tenany"

**Hebrews 10:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity dia teny nindramina avy ao amin'i Jeremia mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha.

**miaraka amin'izy ireo**

"miaraka amin'ireo vahoakako"

**aorian'ireo andro ireo**

"rehefa tapitra ny fotoanan'ny fanekena voalohany miaraka amin'ireo vahoakako"

**Hapetrako ao am-pon'izy ireo ny lalàko, ary hanoratra izany ao an-tsain'izy ireo Aho.**

Ny fon'ireo olona sy ny sainy dia resahina toy ny hoe afaka raisina na soratana eo amin'izy ireo ny lalàn'Andriamanitra. DH: "Hampahafantatra azy ireo ny lalàko Aho ary hanao izay hantakatoavany izany"

**Hebrews 10:17****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity dia manohy ny teny nindramina avy ao amin'i Jeremia mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha.

**Tsy hahatsiaro ny ota sy ireo helok'izy ireo intsony Aho**

Ity dia ampahany faharoa amin'ny fijorana vavolombelon'ny Fanahy Masina (Jereo ny: 10:15). Afaka hazavaina ao amin'ny fandikan-teny izany. DH: "Avy eo dia hoy Izy hoe: "Tsy hahatsiaro ny ota sy ireo helok'izy ireo intsony Aho."

**Tsy hahatsiaro ny otan'izy ireo intsony Aho**

"Tsy hieritreritra ny momban'ny otan'izy ireo intsony Aho"

**ota sy ireo helok'izy ireo**

Ny teny hoe "ota" sy "heloka" dia manana dikan-teny mitovy. Izy roa miaraka dia manamafy ny haratsin'ny fahotana. DH: "ireo asa feno fahotana, sy ratsy"

**na aiza misy famelana izany**

DH: "Rehefa namela ireo zavatra ireo Andriamanitra"

**tsy misy sorona ho an'ny ota intsony**

Ny teny hoe "sorona" dia afaka adika hoe "fanatitra". DH: "ny olona dia tsy mila manao fanatitra ho an'ny ota intsony"

**Hebrews 10:19****Fampifandriasana ny foto-kevitra**

Nampahazava fa iray ihany ny sorona ho an'ny fahotana, dia manohy amin'ny sarin'ny toerana masina indrindra ao amin'ny tempoly ny mpanoratra, izay ny mpisoronabe ihany no afaka miditra ao isan-taoana miaraka amin'ny rà'n'ny sorona ho an'ireo fahotana. Mampatsiahy an'ireo mpino Izy fa midera an'Andriamanitra ao amin'ny fanatrehany izy ireo ankehitriny toy ny hoe mijoro ao amin'ny toerana masina indrindra.

**ry rahalahy**

Eto izany dia milaza ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy na lahy na vavy. DH: "ry rahalahy sy anabavy" na "namana mpino"

**toerana masina indrindra**

Ity dia midika ny fanatrehan'Andriamanitra, fa tsy ilay toerana masina indrindra ao amin'ny tabernakely taloha.

**tamin'ny rà'n'i Jesosy**

Eto "ny rà'n'i Jesosy" dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy.

**lalana velona**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) Izany dia lalana vaovao mankany amin'Andriamanitra izay nomen'i Jesosy farany an'ireo mpino velona mandrakizay na 2) Jesosy dia velona, ary Izy no lalan'ireo mpino hidirana ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

**tamin'ny alalan'ny lamba**

Ny lamba tao amin'ny tempolin'ny tany dia maneho ny fisarahana eo amin'ny olona sy ny fanatrehan'Andriamanitra marina.

**tamin'ny alalan'ny nofony**

Eto ny "nofo" dia mijoro ho tenan'i Jesosy, ary ny tenany dia mijoro ho soron'ny fahafatesany. DH: "tamin'ny alalan'ny fahafatesany"

**isika dia manana mpisorona lehibe mitandrina ny tranon'Andriamanitra**

Ity dia tokony hadika amin'ny fomba manazava tsara fa Jesosy izany "mpisorona lehibe" izany.

**ny tranon'Andriamanitra**

Ity dia miresaka momban'ireo olon'Andriamanitra toy ny hoe trano ara-bakiteny izy ireo. DH: "Ny olon'Andriamanitra rehetra"

**aoka isika hanatona**

Eto ny teny hoe "hanantona" dia maneho ny fiderana an'Andriamanitra, tahakan'ny mpisorona miakatra eo amin'ny alitaran'Andriamanitra mba hanao sorona biby ho Azy.

**am-po madio**

"fo mahatoky" na "fo tsotra." Eto ny "fo" dia maneho ny tena sitram-po sy zotom-pon'ireo mpino.

**amin'ny finoana feno fahatokiana**

"miaraka amin'ny finoana mahatoky" na "mahatoky tanteraka an'i Jesosy"

**mba hananantsika fo voadio**

DH: "toy ny hoe nodioviny tamin'ny ràny ny fontsika"

**fo voadio**

Eto ny "fo" dia maneho ny fieritreretana, ny fahalalana ny marina sy diso. Ny voadio dia maneho fa voavela ary nomena ny mariky ny fahamarinana. Ireo fo dia resahina toy hoe afaka nodiovina tamin'ny rà.

**hananantsika vatana voadio tamin'ny rano madio.**

Afaka adika hoe. DH: "toy ny nodioviny ny vatantsika tamin'ny rano madio"

**hananantsika vatana voadio tamin'ny rano madio**

DH: "toy ny hoe nodioviny tamin'ny rano madio ny vatantsika"

**vatana voadio tamin'ny rano madio**

Raha azon'ny mpadika-teny toy ny hoe milaza ny batista Kristiana ity fehezanteny ity, dia ara-bakiteny ny "rano," fa tsy ara-panahy. Fa raha norasaina ho ara-bakiteny ny rano, dia ho ara-panahy ny "madio," maneho ny fahadiovana ara-panahy izay nolazain'ny batista eto fa ho tanterahina. Ny "fanadiovana" dia maneho an'ireo mpino neken'Andriamanitra.

**Hebrews 10:23****hiazona mafy ny fanekena ny fiandrandrana mahatokintsika**

Eto ny fametrahana finoana izay eken'ny olona iray dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka hazonin'ny olona amin'ny tanany. Ny teny "hiazona mafy" dia midika hoe "manohy." DH: "manohy miteny ny olona fa isika dia matoky satria isika mino fa Andriamanitra dia hanao izay nampanantenainy ho ataony"

**tsy am-pihozongozonana**

Ny fisalasalana amin'ny zavatra iray dia resahina toy ny hoe mihozohozo na mitongilangilana. DH: "tsy am-pisalasalana"

**Aoka isika tsy hanajanona ny fiarahana miangona**

Afaka hazavainao fa ny olona dia miangona mba hidera. DH: "Aoka isika tsy hanajanona ny fiarahana miangona mba hidera"

**fa hitanareo fa manakaiky ny andro**

Ny fotoana ho avy dia resahina toy ny hoe zavatra izay miha-manatona ny mpilaza. Eto "ny andro" dia maneho ny fotoana hiverenan'i Jesosy. DH: "Araka ny fantatrareo fa Kristy dia hiverina tsy ho ela"

**Hebrews 10:26****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manome ny fampitandremany faha-efatra.

**minia**

"fanahy iniana"

**rehefa avy nandray ny fahalalana ny marina**

Ny fahalalana ny marina dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka omen'ny olona iray ho an'ny olona hafa. DH: "Rehefa avy nianatra ny marina isika"

**ny marina**

ny marina momban'Andriamanitra.

**dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony**

Tsy misy olona afaka manome sorona vaovao satria ny soron'i Kristy irery ihany no afaka miasa. DH: "tsy misy afaka manolotra sorona mba hamelan'Andriamanitra ny otantsika"

**fanatitra ho an'ny ota**

Eto ny "fanatitra ho an'ny ota" dia maneho "fomba mahomby mba hanaovana sorona biby mba hanala ireo fahotana"

**ny fitsarana**

ny fitsaran'Andriamanitra, izany hoe, hitsara Andriamanitra.



**ary fahatezerana mirehitra izay hamotika ireo fahavalon'Andriamanitra**

Ny fahatezeran'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe afo izay handoro ireo fahavalony.

### Hebrews 10:28

**fijorona vavolombelon'ireo roa na telo**

izany dia milaza hoe "ny amin'ny fijoroana vavolombelona farafaha-keliny roa na telo

**Fanasaziana ratsy lavitra toy ny ahoana no eritreretinareo fa mendrika ... fahasoavana?**

Ny mpanoratra dia manamafy ny halehiben'ny sazy ho an'ireo izay mandà an'i Kristy. DH: "izany dia sazy entitra. Fa ny sazy dia ho lehibe kokoa ho an'ny tsirairay aza ... fahasoavana!"

**izay nanitsaka ny Zanak'Andriamanitra**

Ny tsy fanomezana voninahitra an'i Kristy sy fanalana baraka Azy dia resahina toy ny hoe olona nandeha teo aminy. DH: "nandà ny Zanak'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**

Ity dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy.

**izay nanao ny rà'n'ny fifanekena ho tsy masina**

Ity dia mampiseho ny fomba nanitsahan'ny olona ny Zanak'Andriamanitra. DH: "ny amin'ny fanaovana ny rà'n'ny fanekena ho tsy masina"

**ràn'ny fanekena**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Kristy, izay hametrahana'Andriamanitra ny fanekena vaovao.

**Ilay rà izay nanamasinina Azy**

DH: "Ilay rà izay nanamasinin'Andriamanitra Azy"

**Fanahin'ny fahasoavana**

"fanahin'Andriamanitra izay manome fahasoavana"

### Hebrews 10:30

**Fampahafantatarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ny mpino rehetra. Ireo teny roa ireo dia avy ao amin'ny lalàna izay nomen'i Mosesy ao amin'ny Testamenta Taloha.

**Ahy ny valifaty**

Ny valifaty dia resahina toy ny hoe zavatra izay an'Andriamanitra, izay nanana ny marina ho atao araka izay niriany miaraka amin'izay hananany. Andriamanitra dia manana ny marina hanao valifaty eo amin'ireo fahavalohy.

**Izaho no hamaly**

Andriamanitra mamaly faty dia resahina toy ny hoe mandoa ny karamana mendrika azy amin'ny olona Izy.

**hilatsaka eo an-tanana**

Ny fandraisana ny sazin'Andriamanitra feno dia resahina toy ny hoe olona mianjera eo amin'ny tananan'Andriamanitra. Eto ny teny hoe "tanana" dia maneho ny herin'Andriamanitra hitsara. DH: "mba handray ny sazy fenon'Andriamanitra"

### Hebrews 10:32

**ireo andro taloha**

"ny andro fahiny"

**rehefa nohazavaina ianareo**

Ny fianarana ny marina dia resahina toy ny hoe nanisy hazavana teo amin'ny olona Andriamanitra. DH: "rehefa avy nianatra ny marina momban'i Kristy ianareo"

**ny fomba niharetanareo ny ady mafy tamin'ny fijaliana.**

"ny fijaliana tsy maintsy niharetanareo"

**Ianareo dia nalaina baraka ampahibemaso tamin'ny fanaratsiana sy tamin'ny fanenjarahana**

DH: "Ny olona dia nanamavo anareo tamin'ny fanopana sy fanenjarahana ampahibemaso"

**fananana tsara kokoa sy maharitra mandrakizay**

"ny fitahin'Andriamanitra mandrakizay dia resahina toy ny hoe "fananana"

### Hebrews 10:35

**Fampahafantatarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny 10:37 dia misy teny nindramina avy tao amin'Isaia mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha.

**aza ariana ny fahatokianareo, izay manana valisoa lehibe**

Ny fanariana ny fampanantenana dia resahina toy ny hoe manary zavatra tsy misy vidiny eny fotsiny. DH: "aza mitsahatra ny amin'ny fahatokisana an'Andriamanitra, izay hanome valisoa lehibe ho anareo" na "manohiza matoky feno an'Andriamanitra, izay hanome valisoa lehibe ho anareo"

**Fa tsy ho ela akory**

Afaka hazavainao tsara izany. DH: "Araka izay nolazain'Andriamanitra tao amin'ny Soratra Masina hoe: 'Fa tsy ho ela akory'"

**Fa tsy ho ela akory**

"tsy ho ela"

### Hebrews 10:38

**Fampahafantatarana amin'ny ankapobeny:**

Ao amin'ny 10:38 ny mpanoratra dia milaza teny nindramina tao amin'ny bokin'ny mpaminany Habakoka, izay manaraka mivantana ny teny nindramina tao amin'ny bokin'Isaia mpaminany tao amin'ny 10:37.

**Ny oloko marina ... Raha mihemotra izy ... aminy**  
Ireo dia maneho ny olon'Andriamanitra rehetra  
amin'ny ankapobeny. DH: "Ny oloko mahatoky ...  
raha misy iray amin'izy ireo mihemotra ... aminy"

**Raha mihemotra izy**  
Ny fahaverezana ny fasahiana sy ny finoana dia  
resahina toy ny hoe miverin-dalana.

**izay mihemotra ho amin'ny faharavana**  
Ny fahaverezana ny fasahiana sy ny finoana dia  
resahina toy ny hoe miverin-dalana. Ary ny

"faharavana" dia resahina toy ny hoe faharana. DH:  
"Izay mitsahatra mahatoky an' Andriamaniaatra, izay  
mahatonga Azy hamotika antsika"

**ho amin'ny fihazonana ny fanahintsika.**  
Ny fiainana mandrakizay miaraka amin'  
Andriamanitra dia resahina toy ny hoe mihazona ny  
fanahy. Eto ny "fanahy" dia maneho ny maha-olona  
rehetra. DH: "izay hahatonga antsika hiana miaraka  
amin'Andriamanitra mandrakizay"

## Chapter 11

<sup>1</sup> Ary ny finoana no antoka amin'ireo zavatra nandrasana tamim-pahatokiana. Io no porofon'ireo zava-mitranga izay mbola tsy hita. <sup>2</sup> Fa noho izany ireo razambe dia nankatoavina nohon'ny finoan'izy ireo. <sup>3</sup> Amin'ny finoana no hahafantarantsika fa ny didin'Andriamanitra no namoronana izao tontolo izao, ka izay hita maso dia tsy natao tamin'ny zavatra izay hita maso. <sup>4</sup> Tamin'ny finoana no nanoloran'i Abela fanatitra tsara kokoa ho an'Andriamanitra noho ny an'i Kaina, tamin'ny alalan'izany no nanambarany azy ho marina, ary Andriamanitra niteny tsara azy noho ireo fanatiny, ary amin'ny finoana no mbola hitenenan'i Abela, na dia efa maty aza izy. <sup>5</sup> Tamin'ny finoana no namindrana an'i Enoka mba tsy ahitany ny fahafatesana. "Tsy hita izy, satria nalain'Andriamanitra." Fa talohan'ny nakana azy, dia nijoroana vavolombelona fa nankasitrahany Andriamanitra izy. <sup>6</sup> Ary rehefa tsy misy finoana dia tsy mety ho ankasitrahany. Satria ilaina hoe izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy ary Izy no mamaly soa an'ireo izay mitady Azy. <sup>7</sup> Tamin'ny finoana Noa, no nomena ny hafatra avy amin'Andriamanitra momba ireo zavatra izay tsy mbola hita, niaraka tamin'ny fanajana an' Andriamanitra no nanamboarany ny sambo izay namonjeny ny ankohonany. Fa tamin'ny fanaovana izany, no nanamelohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana araky ny finoana. <sup>8</sup> Tamin'ny finoana Abrahama, rehefa nantsoina, no nankatoa sy nandeha nankany amin'ilay toerana izay hahazoany ho lova. Nandeha izy, tsy nahalala izay tany nombany. <sup>9</sup> Tamin'ny finoana no niainany tany amin'ilay tany nampanantenaina toy ny vahiny. Niaina tao anaty trano lay izy niaraka tamin'Isaka sy Jakoba, ireo mpiara-mandova amin'ilay fampanantenana mitovy. <sup>10</sup> Fa izy nitady ilay tanàna izay manana ireo fanorenana, ilay tanàna izay Andriamanitra no mpamari-trano sy mpanori-trano. <sup>11</sup> Tamin'ny finoana, na dia Saraha izy tenany izay momba aza, no nahazoan'i Abrahama ny fahafahana ho ray. Nitranga izany na dia efa tena antitra aza izy, satria noheverina ho toy ilay mahatoky nomena ilay fampanantenana izy. <sup>12</sup> Noho izany, avy amin'izany lehilahy izany, izay efa ho faty, no nahaterahan'ireo izay toy ireo kintana eny an-danitra ny hamaroany sy toy ny fasika manamorona ny ranomasina, izay tsy voaisa. <sup>13</sup> Tao amin'ny finoana ireny rehetra ireny no maty tsy nandray ireo fampanantenana. Fa kosa, taorian'ny nahitana sy niarahabana azy ireo avy eny alavitra, dia nanaiky izy ireo fa vahiny sy sesi-tany ety an-tany. <sup>14</sup> Ho an'ireo izay miteny toy izany zavatra izany dia manazava fa mitady tanindrazana izy ireo. <sup>15</sup> Raha nieritreritra ny firenena izay nialany izy ireo, dia mety nanana fahafahana hiverina. <sup>16</sup> Fa tahaka izany, naniry firenena tsaratsara kokoa izy ireo, ka izany, ilay any an-danitra. Noho izany tsy mahamenatra an'Andriamanitra ny voaantso hoe Andriamanitr'izy ireo, ka nanomana tanàna ho azy ireo Izy. <sup>17</sup> Tamin'ny finoana Abrahama, rehefa notsapaina, dia nanolotra an'Isaka. Io no zanany lahy tokana izay natolony, izy ilay nahazo ireo fampanantenana. <sup>18</sup> Tamin'i Abrahama no nilazana hoe: "Amin'ny alalan'Isaka no hanondroana ireo taranakao." <sup>19</sup> Abrahama dia nihevitra fa Andriamanitra dia hahavita hanangana an'Isaka amin'ireo maty, ary amin'ny heviny amin'ny ohatra, avy tamin'izy ireo no hahazoany azy indray. <sup>20</sup> Tamin'ny finoana momban'ireo zavatra ho avy koa no nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba sy Esao. <sup>21</sup> Tamin'ny finoana Jakoba, tamin'izy efa ho faty, no nitso-drano ireo zanak'i Josefa tsirairay avy. Nivavaka Jakoba, nitehana tamin'ny lohan'ny tehiny. <sup>22</sup> Tamin'ny finoana Josefa, rehefa nanakaiky ny fiafarany, no niresaka ny fiaingan'ny zanak'Israely avy any Egypta ary nanafarany ny amin'ny taolany. <sup>23</sup> Tamin'ny finoana Mosesy, rehefa teraka izy, dia nafenin'ireo ray aman-dreniny nandritry ny telo volana satria hitan'izy ireo fa zaza tsara izy. Tsy natahotra ny didin'ny mpanjaka izy ireo. <sup>24</sup> Tamin'ny finoana Mosesy, taorian'ny nahalehibe azy, no nandà ny hiantsoana azy ho zanaka lahin'ny zanaka vavin'i Farao. <sup>25</sup> Fa kosa, nisafidy ny hijaly niaraka tamin'ny vahoakan'Andriamanitra izy, toy izay hankafy ireo fahafinaretan'ny fahotana mandritry ny fotoana fohy. <sup>26</sup> Nilaza izy hoe ny fahafaham-baraka amin'ny fanarahana an'i Kristy dia harena ngeza noho ireo haren'i Egypta. Satria nampifantoka ireo masony tamin'ny valisoany izy. <sup>27</sup> Tamin'ny finoana no nialan'i Mosesy tany Egypta. Tsy natahotra ny fahatezeran'ny mpanjaka izy, fa niaritra izany toy ny nahitany ilay tsy hita maso. <sup>28</sup> Tamin'ny finoana no nitandremany ny Paska sy ny famafazana ny rà, mba tsy hikasika ny zanaka lahimatoan'ireo Israelita ny mpandringana ny zanaka lahimatoa. <sup>29</sup> Tamin'ny finoana no niampitan'izy ireo ny Ranomasina Mena toy ny mandia tany maina. Rehefa nanandrana nanao izany ireo Egyptiana, dia voatelina izy ireo. <sup>30</sup> Tamin'ny finoana no nirodanan'ny mandan'i Jeriko, rehefa avy nihodidina nandritry ny fito andro izy ireo. <sup>31</sup> Tamin'ny finoana no tsy nahafaty an'i Rahaba ilay mpivarotena niaraka tamin'ireo mpaniasia, satria nandray ireo mpisafy tany tamin'ny fiadanana izy. <sup>32</sup> Inona ihany koa no afaka lazaiko? Fa ho lany ny fotoako raha miresaka momban'i Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, ary momban'ireo mpaminany aho. <sup>33</sup> Tamin'ny alalan'ny finoana no nahazoan'izy ireo ny fanjakana, niasa ara-drariny, ary nandray ireo fampanantenana. Nanakombona ny vavan'ireo liona izy ireo, <sup>34</sup> namono ny herin'ny afo, nandositra ny lelan'ny sabatra, sitrana tamin'ireo aretina, lasa nahery an' ady, ary nandresy ireo tafika vahiny. <sup>35</sup> Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny

fananganan-ko velona ireo vehivavy. Ireo hafa dia nampijaliana, tamin'ny tsy fanekena ny famotsorana mba hahazoan'izy ireo fitsanganana tsara kokoa. <sup>36</sup> Ny hafa dia notsapaina tamin'ny fanesoana sy ireo fikapohana, eny fa na dia ny fatotra sy ny fanagadrana aza. <sup>37</sup> Notoraham-bato izy ireo. Notsofaina hizara roa izy ireo. Novonoina tamin'ny sabatra izy ireo. Nirenireny tamin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy izy ireo. Nahantra izy ireo, nampihorohoroana, nampahoriana. <sup>[2]</sup><sup>38</sup> Izaio tontolo izao dia tsy mendrika azy ireo. Nirenireny tany an'efitra, tany amin'ireo tendrombohitra, tany amin'ireo lava-bato, ary tany amin'ireo lavaka ambanin'ny tany izy ireo. <sup>39</sup> Kanefa ireny olona rehetra ireny dia neken'Andriamanitra nohon'ny finoan'izy ireo, tsy nandray ny fampanantenana izy ireo. <sup>40</sup> Nanomana zavatra tsara kokoa ho antsika Andriamanitra, mba tsy ho lavorary izy ireo, raha tsy misy antsika.

## Footnotes

11:11 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Misy fanontaniana momban'ny hoe ny finoan'i Abrahama sa ny finoan'i Saraha no navohitra. "Tamin'ny finoan'i Saraha, na dia efa antitra aza izy, no nahazoany ny hery hanan'anaka, na dia efa tena antitra aza izy hitondra zaza, satria nihevitra ilay nanome ilay fampanantenana azy ho mahatoky."

11:37 <sup>[2]</sup> Fanamarihana: ny dikan-teny sasany taloha dia mivaky hoe: "Notoraham-bato izy ireo. Notsofaina hizara roa. Nampandalovina fitsapana. Novonoina tamin'ny sabatra."

## Hebrews 11:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra dia milaza zavatra telo momban'ny finoana eto amin'ity fampidirana fohy ity.

### Ary

Ity teny ity nampiasaina eto mba hanamarihana fihatoana ao amin'ny fampianarana fototra. Eto ny mpanoratra dia manomboka manazava ny dikan'ny hoe "finoana."

### ny finoana no antoka amin'ireo zavatra nandrasana tamim-pahatokiana

DH: "ny finoana dia mamela ny olona hanantena amim-pahatokiana zavatra sasantsasany"

### nandrasana tamim-pahatokiana

Eto izany dia maneho manokana ny fampanantenana azo antoka an'Andriamanitra, indrindra ny antoka fa ny mpino rehetra ao amin'i Jesosy dia hira-hiaina amin'Andriamanitra mandrakizay any an-danitra.

### izay mbola tsy hita

DH: "izay tsy mbola hitantsika" na "izay tsy mbola nitranga"

### ireo razambe dia nankatoavina nohon'ny finoan'izy ireo

DH: "Andriamanitra nanaiky ireo razambentsika satria nanana finoana izy ireo"

### ireo razambe

Ny mpanoratra dia miresaka an'ireo Hebreo momban'ny razamben'ireo Hebreo. DH: "ireo razambentsika"

### ny didin'Andriamanitra no namoronana izao tontolo izao

DH: "Andriamanitra namorona izao tontolo izao tamin'ny didiny mba hisy"

### ka izay hita maso dia tsy natao tamin'ny zavatra izay hita maso

DH: "Andriamanitra tsy namorona izay zavatra hitantsika tamin'ny zavatra izay hita maso"

## Hebrews 11:4

### fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny mpanoratra dia manome ohatra maro (ny ankamaroany dia avy ao amin'ny soaratry ny Testamenta Taloha) amin'ny olona izay niaina tamin'ny finoana na dia tsy naharay izay nampanantenain'Andriamanitra rehefa niaina teto an-tany aza izy ireo.

### no nanambarany azy ho marina

DH: "Andriamanitra nanambara fa marina Abela"

### no nanambarany azy ho marina

DH: "Andriamanitra nanambara azy ho marina"

### mbola hitenenan'i Abela,

Ny famakiana ny Soratra Masina sy fianarana momban'ny finoan'i Abela dia resahina toy ny hoe Abela mihintsy no mbola miteny. DH: "isika dia mbola mianatra ny amin'izay nataon'i Abela"

## Hebrews 11:5

### Tamin'ny finoana no namindrana an'i Enoka mba tsy ahitany ny fahafatesana

DH: "Tamin'ny finoana no tsy nahafatesan'i Enoka satria Andriamanitra naka azy"

### ahitany ny fahafatesana

Ity dia miresaka ny fahafatesana toy ny hoe zavatra izay afaka hitan'ny olona. Izany dia midika fainana ny fahafatesana. DH: "maty"

### talohan'ny nakana azy

DH: "talohan'ny nakan'Andriamanitra azy"

**dia nijoroana vavolombelona fa nankasitrahana'Andriamanitra izy**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) "Andriamanitra niteny fa Enoka dia nampifaly Azy" na 2) "ny olona niteny fa Enoka dia nampifaly an'Andriamanitra."

**tsy misy finoana dia tsy mety ho ankasitrahany**

DH: "ny olona dia afaka mampifaly an' Andriamaniaatra rehefa manana finoana an' Andriamanitra ihany izy"

**izay manatona an'Andriamanitra**

Ny fiandrasana ny fiderana an'Andriamanitra sy ho lasa olony dia resahina toy ny hoe manatona an'Andriamanitra ara-bakiteny ilay olona. DH: "izay olona te-ho an'Andriamanitra"

**ireo izay mitady Azy**

Ny fianarana ny momban'Andriamanitra sy fiezahana mankatoa Azy dia resahina toy ny hoe olona iray mitady olon-kafa.

## Hebrews 11:7

**nomena ny hafatra avy amin'Andriamanitra**

DH: "satria Andriamanitra niteny taminy"

**momba ireo zavatra izay tsy mbola hita**

DH: "momba ireo zavatra izay tsy mbola hitan'ny olona mihintsy teo aloha" na "momba ireo tranga izay tsy mbola nitranga"

**izao tontolo izao**

Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny tontolon'ny olombelona. DH: "ny olona niaina teto amin'izao tontolo izao tamin'izany fotoana izany"

**nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana**

Noa dia resahina toy ny hoe mandova fananana sy harena avy amin'ny isan'ny fianakaviana. DH: "nandray ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra"

**araky ny finoana**

"izay nomen'Andriamanitra an'ireo izay manana finoana Aminy"

## Hebrews 11:8

**rehefa nantsoina izy**

DH: "rehefa niantso azy Andriamanitra"

**nandeha nankany amin'ilay toerana**

"niala tao an-tranony ary nakany amin'ilay toerana"

**izay hahazoany ho lova**

Ny tany izay nampanantenain'Andriamanitra homena ireo taranak'i Abrahama dia resahina toy ny hoe lova izay ho raisin'i Abrahama. DH: "izay homen'Andriamanitra azy"

**Nandeha izy**

"niala tao an-tranony izy"

**niainany tany amin'ilay tany nampanantenaina toy ny vahiny**

DH: "niainany toy ny vahiny tao amin'ilay tany izay nampanantenain'Andriamanitra azy"

**ireo mpiara-mandova**

"mpandova miaraka." Ity dia miresaka momban'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba toy ny hoe mpandova izay handray ny lova avy amin'ny rain'izy ireo.

**ilay tanàna izay manana ireo fanorenana**

Izany dia, fanorenana maharitra. Noho izany ilay tanàna dia ho tanàna maharitra.

**ilay tanàna izay Andriamanitra no mpamari-trano sy mpanori-trano**

Andriamanitra dia resahina toy ny hoe mpamari-trano sy mpanao trano.

**mpamari-trano**

olona izay manamboatra ny endriky ny trano

## Hebrews 11:11

**Tamin'ny finoana**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) izany dia avy tamin'ny finoan'i Abrahama. DH: "satria Abrahama nino an'Andriamanitra" na 2) izany dia tamin'ny finoan'i Saraha. DH: "Satria Saraha nino an'Andriamanitra"

**nahazoan'i Abrahama fahafana ho ray**

"nahazo ny fahafahana ho ray" na "nahazo ny fahafahana mba hahazo zanaka"

**Satria noheverina ho toy ilay mahatoky nomena ilay fampanantenana izy**

"satria nino an'Andriamanitra izy, izay nanome ny fampanantenana, mba hatoky"

**efa ho faty**

"antitra loatra ny hanana zanaka" na "tena antitra"

**ireo izay toy ireo kintana eny an-danitra ny hamaroany sy toy ny fasika manamorina ny ranomasina, izay tsy voaisa.**

Ity dia midika fa Abrahama dia manana taranaka maro.

## Hebrews 11:13

**tsy nandray ireo fampanantenana**

Ity dia miresaka ny fampanantenana toy ny hoe zavatra izay raisin'ny olona. DH: "tsy nandray izay nampanantenain'Andriamanitra azy ireo"

**taorian'ny nahitana sy niarahabana azy ireo avy eny alavitra**

Ireo hetsika nampanantenaina ho avy dia resahina toy ny hoe mpivahiny tonga avy lavitra. DH: "taorian'ny nianarana izay ho ataon'Andriamanitra amin'ny ho avy"

**nanaiky izy ireo fa vahiny sy sesi-tany ety an-tany**  
Eto ny hoe "vahiny" sy "sesi-tany" dia mitovy dikan-teny. Izany dia manamafy fa ity tany ity dia tsy tena tranon'izy ireo. Miandry ny tena tranony izay ho amboarin'Andriamanitra ho azy izy ireo.

**tanindrazana**

"ny tany izay nipoiran'izy ireo"

## Hebrews 11:15

**ilay any an-danitra**

"tanàna any an-danitra"

**tsy mahamenatra an'Andriamanitra ny voaantso hoe Andriamanitr'izy ireo**

DH: "Andriamanitra dia faly manana azy ireo miantso Azy hoe Andriamanitr'izy ireo" na "mirehareha ny fananana azy ireo Andriamanitra miteny fa Izy no Andriamanitr'izy ireo"

## Hebrews 11:17

**rehefa notsapaina izy**

DH: "rehefa nitsapa azy Andriamanitra"

**no nilazana hoe**

DH: "no nilazan'Andriamanitra hoe"

**ary amin'ny heviny amin'ny ohatra**

"amin'ny fomba fiteny." Ity dia midika fa izay lazain'ny mpanoratra manaraka dia tsy tokony ho azo ara-bakiteny. Andriamanitra dia tsy nitondra an'Isaka niverina tamin'ny fahafatesana ara-bakiteny. Fa satria Abrahama teo am-panaovana sorona an'i Isaka raha nanatsahatra azy Andriamanitra, toy ny hoe nitondra azy niverina tamin'ny fahafatesana Andriamanitra.

**avy tamin'izy ireo**

"avy tamin'ireo maty"

**no hahazoany azy indray**

"nahazoan'i Abrahama an'Isaka indray"

## Hebrews 11:20

**Nivavaka Jakobà**

"Jakoba nivavaka tamin'Andriamanitra"

**rehefa nanakaiky ny fiafarany**

Eto ny "fiafarany" dia fomba mihaja hanehoana ny fahafatesana. DH: "rehefa nanakaiky ho faty izy"

**niresaka ny fiaingan'ny zanak'Israely avy any Egypta**

"Niresaka ny fotoana hialan'ny zanak'Israely an'i Egypta"

**zanak'Israely**

"ireo Isiraelita" na "ireo taranak'Israely"

**ary nanafarany ny amin'ny taolany.**

Maty tany Egypta Josefa. Tany ny olona mba haka ny taolany hiaraka amin'izy ireo rehefa miala ao Egypte izy ireo mba afahan'izy ireo mandevina ny taolany any amin'ny tany izay nampanantenain'Andriamanitra azy ireo.

## Hebrews 11:23

**Mosesy, rehefa teraka izy, dia nafenin'ireo ray aman-dreniny nandritry ny telo volana**

DH: "Ireo ray aman-drenin'i Mosesy nanafina azy nandritry ny telo volona tao aorian'ny nahaterahany"

**nahalehibe azy**

"Nahatonga azy ho olon-dehibe"

**nandà ny hiantsoana azy**

DH: "nandà ny hamela ny olona hiantso azy"

**ny fahafaham-baraka amin'ny fanarahana an'i Kristy**

DH: "Ny fiainan'ny olona tsy nanaja azy satria izy nanao izay zavatra tian'i Kristy"

**fanarahana an'i Kristy**

Ny fankatoavana an'i Kristy dia resahina toy ny hoe manaraka Azy ambany amin'ny lalana.

**nampifantoka ireo masony tamin'ny valisoany**

Ny fifantohana tanteraka amin'ny fanatratrarana ny tanjona dia resahina toy ny hoe olona mibanjina zavatra iray ary mandà ny hijery zavatra hafa. DH: "manao izay fantany fa hazoany valisoa any an-danitra"

## Hebrews 11:27

**fa niaritra izany toy ny nahitany ilay tsy hita maso**

Mosesy dia resahina toy ny hoe nahita an'Andriamanitra izy, izay tsy hita maso.

**ilay tsy hita maso**

Ilay iray izay tsy afaka hitan'iza na iza"

**ny famafazana ny rà**

Ity dia maneho ny didin'Andriamanitra amin'ireo Isiraelita mba hamono zanak'ondry ary hamafy ny ràn'izany amin'ny tolam-baravaran'ny trano rehetra izay nonenan'ireo Isiraelita. Izany dia hisorohana ny mpamotika amin'ny famonoana ireo zanaka lahimatoan'izy ireo.

**tsy hikasika**

Eto ny hoe "hikasika" dia maneho ny famonoana ny olona. DH: "tsy handratra" na "tsy hamono"

## Hebrews 11:29

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny voalohany hoe "izy ireo" dia maneho ireo Isiraelita, ary ny "izy ireo" faharoa dia maneho

ny Egyptiana, ary ny "izy ireo" fahatelo dia maneho ireo rindrin'ny Jeriko.

**niampitan'izy ireo ny Ranomasina Mena**  
"Ireo Isiraelita niampita teo amin'ny Ranomasina Mena"

**dia voatelina izy ireo**  
DH: "Natelin'ny rano ireo Egyptiana"

**dia voatelina izy ireo**  
Ny rano dia resahina toy ny hoe biby. DH: "Maty an-drano ireo Egyptiana"

**rehefa avy nihodidiana nandritry ny fito andro izy ireo**  
DH: "Ireo Isiraelita nihodidina teo amin'ny rindrina nandritry ny fito andro"

**nandray ireo mpisafa tany tamin'ny fiadanana**  
"nandray am-piadanana ireo mpisafa tany"

### Hebrews 11:32

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny mpanoratra dia manohy miresaka izay zavatra nataon'Andriamanitra an'ireo razamben'ny vaohakan'Isiraely.

**Inona ihany koa no afaka lazaiko?**  
Mampiasa fanontaniana ny mpanoratra mba hanamafisana fa misy ohatra maro izay afaka nolazainy. Afaka adika ho fanambarana ity. DH: "Ary misy ohatra maro dia maro."

**ho lany ny fotoako**  
"tsy hanana fotoana firy aho"

**Baraka**  
Izany dia anaran-dehilahy iray.

**Tamin'ny alalan'ny finoana no nahazoan'izy ireo**  
Eto ny "izy ireo" dia tsy midika fa nanao ireo zavatra izay ho lazain'ny mpanoratra ny olona tsiraray voatanisa tao amin'ny 11:32. Ny mpanoratra dia milaza amin'ny ankapobeny fa ireo dia karazan-javatra izay afaka ataon'ireo manampinoana. DH: "tamin'ny alalan'ny finoana no nahazoan'ny olona tahaka izany"

**nahazoan'izy ireo ny fanjakana**  
Eto ny "fanjakana" dia maneho ny olona izay niaina tao. DH: "izy ireo dia nandresy ny olon'ireo fanjakana vahiny"

**Nanakombona ny vavan'ireo liona izy ireo, namono ny herin'ny afo, nandositra ny lelan'ny sabatra,**  
Ireo dia fomba sasany namonjen'Andriamanitra ireo mpino tamin'ny fahafatesana. DH: "tsy azy ireo ny liona, tsy nanodro azy ireo ny afo, tsy namono azy ireo ny fahavalony"

**sitrana tamin'ireo aretina**  
DH: "nandray fanasitranana avy tamin' Andriamanitra"

### Hebrews 11:35

**Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny fananganana-ko velona ireo vehivavy**  
Ny teny hoe "fitsanganana tamin'ny maty" dia midika hoe "rehefa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty izy ireo." DH: "Nandray ny fahavelomana indray ireo vehivavy izay efa maty"

**Ireo hafa dia nampijaliana, tamin'ny tsy fanekena ny famotsorona**  
Izany dia midika fa ny fahavalon'izy ireo dia hafanaka azy ireo ao amin'ny trano maizina raha mandà an'i Jesosy ho Tompo izy ireo. DH: "Ireo hafa dia nanaiky ny fampijaliana raha tokony ho nafahana tao an-trano maizina" na "Ireo hafa dia namela ireo fahavalo hampijaly azy ireo fa tsy nandà an'i Jesosy mba hanafahan'ireo fahavalony azy ireo, ary"

**fitsanganana tsara kokoa**  
Ireo dikan-teny azo heverina: 1) ireo olona dia hiaina fiainana tsara kokoa any an-danitra noho izay niainan'izy ireo teto amin'izao tontolo izao na 2) ireo olona ireo dia hananana fitsanganana tsara kokoa noho ireo izay tsy nanana finoana. Ireo miaraka amin'ny finoana dia hiaina mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra. Ireo tsy manana finoana dia hiaina mandrakizay amin'ny fisarahana amin'Andriamanitra.

**Ny hafa dia notsapaina tamin'ny fanesoana sy ireo fikapohana, ary eny fa na ny fatotra sy ny fanagadrana aza. Notoraham-bato izy ireo. Notsofaina hizara roa izy ireo. Novonoina tamin'ny sabatra izy ireo**  
DH: "Ny olona naneso ary nikapoka ireo hafa ... ny olona nitora-bato ireo hafa. Ny olona nanatsofa ny hafa ho roa. Ny olona namono ireo hafa tamin'ny sabatra"

**Ny hafa dia notsapaina tamin'ny fanesoana sy ireo fikapohana, eny fa na ny fatotra sy ny fanagadrana aza**  
DH: "Andriamanitra nitsapa ny hafa tamin'ny famelana ny fahavalon'izy ireo haniratsira sy hikapoka azy ireo ary koa hamatotra azy ireo sy nanagadra azy ireo"

**tamin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy izy ireo**  
"nitafy hoditr'ondry sy hoditr'osy fotsiny izy ireo"

**Nahantra**  
"tsy nanana na inona na inona izy ireo" na "lasa nahantra be izy ireo"

**Izao tontolo izao dia tsy mendrika**  
Eto ny "izao tontolo izao" dia maneho ny olona. DH: "Ny olona eto amin'izao tontolo izao dia tsy mendrika"

**lava-bato, ary tany amin'ireo lavaka ambanin'ny tany**  
"ary ny sasany niaina tany amin'ny lava-bato sy tany amin'ny lavaka ambanin'ny tany"

**Hebrews 11:39**

**Kanefa ireny olona rehetra ireny dia  
neken'Andriamanitra nohon'ny finoan'izy ireo, tsy  
nandray ny fampanantenana izy ireo**  
DH: "Andriamanitra nanome voninahitra ireo  
rehetra ireo noho ny finoan'izy ireo, fa izy ireo dia  
tsy nandray izay nampanantenain' Andriamanitra"

**ny fampanantenana**

Izany fomba fiteny izany dia maneho "izay  
nampanantenain'Andriamanitra azy ireo."

**mba tsy ho lavorary izy ireo, raha tsy misy antsika**

DH: "mba hanatanterahan'Andriamanitra antsika sy  
izy ireo miaraka"

---



## Chapter 12

<sup>1</sup> Noho izany, satria isika voadidina vavolombelona maro be toy ny rahona, dia andeha isika hamela ny vesatra rehetra sy ny fahotana mora manodidina antsika. Andeha isika hihazakazaka am-paharetana ny fihazakazahana izay napetraka teo alohantsika. <sup>2</sup> Andeha isika hitandrina amin'i Jesosy, ny mpampiatomboka sy mpanantanteraka ny finoana. Fa nohon'ny hafaliana izay napetraka teo anoloany, dia niaritra ny hazofijaliana Izy, tsy niraharaha ny henatr'izany, ary nipetraka teo an-tanan'an-kavanan'ny seza fiandrianan' Andriamanitra. <sup>3</sup> Noho izany eritrereto ny momba Azy, ilay iray izay niaritra fanoherana toy izany avy tamin'ireo mpanota hanohitra ny tenany, mba tsy ho reraka ao am-ponareo ianareo ka hilavo lefona. <sup>4</sup> Tsy mbola nanohitra ianareo na nikezaka hanohitra ny fahotana hatramin'ny fahalatsahan-drà, <sup>5</sup> ary adinonareo ny fampaherezana izay nampianarina anareo toy ny amin'ireo zanaka hoe: "Ry zanako lahy, aza manamaivana ny fitsipiky ny Tompo, na mihareraka raha ahitsiny ianareo." <sup>6</sup> Fa ny Tompo manafay ny rehetra izay tiany, ary Izy manasazy ny zanaka tsirairay izay raisiny. <sup>7</sup> Miareta fijaliana toy ny fitsipika. Andriamanitra dia mitondra anareo toy ny zanaka. Fa zanaka inona no teo ka tsy nafaizin'ny rainy? <sup>8</sup> Fa raha tsy manana fitsipika ianareo, izay ananan'ny olona rehetra, dia zazasary ianareo fa tsy zanany. <sup>9</sup> Ary koa, nanana ny ray ara-nofy toy ny mpanafay isika, ary nanaja azy ireo isika. Tsy tokony hankatoa kokoa ny Rain'ny fanahy ve isika ary ho velona? <sup>10</sup> Fa etsy andaniny, ireo raintsika nanafay antsika nandritry ny andro vitsy araka izay marina tamin'izy ireo. <sup>11</sup> Nefa etsy ankilany, Andriamanitra nanao izany ho an'izay tsara ho antsika mba hafahantsika manana anjara amin'ny fahamasinany. Tsy misy famaizana mitranga ho mahafinaritra, fa manaintaina aza. Kanefa izany aoriana kely dia mamokatra ny vokatry feno fiadanana'ny fahamarinana ho an'ireo izay nozarina tamin'izany. <sup>12</sup> Noho izany hatanjaho ireo tananareo izay miraviravy sy ireo lohalikareo malemy. <sup>13</sup> Manaova lalana mahitsy ho an'ny tongotrareo, mba izay malemy dia tsy hipitsoka fa ho sitrana aza. <sup>14</sup> Manenjeha fiadanana miaraka amin'ny olona rehetra, ary ny fahamasinana ihany koa izay tsy hahitan'iza na iza ny Tompo raha tsy miaraka amin'izany. <sup>15</sup> Mitandrema mba tsy hisy na iza na iza tsy hanana ny fahasoavan'Andriamanitra, ary tsy hisy fakan'ny fahangidiana mitombo hiteraka korontana, mba tsy ho maro no lasa voaloto amin'izany. <sup>16</sup> Mitandrema mba tsy hisy fijangajangana na olona tsy an'Andriamanitra toa an'i Esao, izay nivarotra ny fizokiany ho an'ny sakafo iray. <sup>17</sup> Fa ianareo mahafantatra fa rehefa afaka izany, rehefa naniry ny handova ny fitahiana izy, dia nolavina, satria tsy nahita irika amin'ny fibebahana izy, na dia nikatsaka izany tamin-dranomaso aza. <sup>18</sup> Fa ianareo tsy tonga teo amin'ny tendrombohitra izay tsy azo kasihina, tendrombohitry ny afo mandoro, haizina, fahamaizina, ary tafiotra. <sup>19</sup> Ianareo dia tsy tonga teo amin'ny trompetra maneno mafy, na teo amin'ny feo izay miteny ireo teny izay ny mpihaino izany dia nangataka mba tsy hisy teny hafa ho lazaina amin'izy ireo. <sup>20</sup> Fa izy ireo tsy afaka niaritra izay nodidiana hoe: "Fa na dia ny biby mikasika ny tendrombohitra aza, dia tsy maintsy ho toraham-bato izany." <sup>[1]</sup><sup>21</sup> Fa mampitahotra loatra ilay fahitana izay nolazain'i Mosesy hoe: "Mihorohoro aho ary mangovitry" <sup>22</sup> Fa ianareo kosa, dia tonga teo amin'ny tendrombohitra Ziona ary teo amin'ny tanànan'Andriamanitra velona, ny Jerosalema any andanitra, ary teo amin'ireo anjely an'alin'alina tamin'ny fankalazana. <sup>23</sup> Ianareo dia tonga teo amin'ny antokon'olon'ny voalohan-teraka, izay voasoratra anarana any andanitra. Ianareo dia tonga teo amin'Andriamanitra, ilay Mpitsara ny rehetra, ary teo amin'ireo fanahin'ireo olon'ny fahamarinana izay natao tonga lafatra. <sup>24</sup> Ianareo dia tonga teo amin'i Jesosy, ilay mpanalalana ny fanekena vaovao, ary teo amin'ny rà latsaka izay tsara kokoa noho ny rà'n'i Abela. <sup>25</sup> Aoka ianareo tsy handà ilay iray izay miteny. Fa raha tsy nandositra izy ireo tamin'izy ireo nandà ny iray izay nampitandrina azy ireo teto an-tany, dia kely kokoa no handosirantsika raha mihodina amin'ilay iray izay nampitandrina antsika avy any andanitra isika. <sup>26</sup> Tamin'ny fotoana iray, ny feony nanozongozona ny tany. Fa ankehitriny Izy nampanantena sy niteny hoe: "Mbola hanozongozona indray mandeha tsy ny tany ihany aho, fa ny lanitra ihany koa." <sup>27</sup> Ireo teny ireo, "Indray mandeha koa", dia midika ny famindrana ireo zavatra izay afaka hozoongozonina, izany dia, ireo zavatra izay nohariana, mba hitoetra ireo zavatra izay tsy azo hozoongozonina. <sup>28</sup> Noho izany, satria mandray fanjakana izay tsy azo hozoongozonina, dia aoka ho mpankasitraka isika ary amin'izany fomba izany dia hidera an'Andriamanitra am-panajana fatratra sy amin-tahotra. <sup>29</sup> Fa ny Andriamanintsika dia afo mandevona.

### Footnotes

12:20 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky toy izao: "Fa na dia biby iray izay mikasika ny tendrombohitra aza, dia tsy maintsy ho toraham-bato izany na ho vonoina amin'ny zana-tsipika."

## Hebrews 12:1

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Nohon'ny isa lehiben'ireo mpino ao amin'ny Testamenta Taloha, dia miresaka ny fiainan'ny finoana izay tokony hiainan'ireo mpino miaraka amin'i Jesosy ho toy ny ohatr'izy ireo ny mpanoratra.

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe "isika" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpamakiny. Ny teny hoe "ianareo" dia maneho ireo mpamaky

### satria isika voadidina vavolombelona maro be toy ny rahona

Ny mpanoratra dia miresaka momban'ireo mpino ao amin'ny Testamenta Vaovao toy ny hoe rahona izay manodidina ny andro ankehitrinin' ireo mpino. DH: "toy ny rahona ben'ny fijoroana vavolombelona manodidina antsika" na "misy ohatra maro amin'ny olona mahatoky momban' izay hianarantsika ao amin'ny Soratra Masina"

### andeha isika hamela ny vesatra rehetra sy ny fahotana mora manodidina antsika

Eto ny teny hoe "vesatra" sy "fahotana mora manodidina" dia resahina toy ny hoe olona afaka manala ny tenany ary mampidina azy ireo"

### ny vesatra rehetra

Ny toetra na fahazarana izay mitazona ireo mpino amin'ny fahatokisana sy fankatoavana an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe entana izay natao sarotra ho an'ny olona ny hitondra azy raha mihazakazaka.

### fahotana mora manodidina

Ny fahotana dia resahina toy ny hoe arato na zavatra hafa izay afaka misambotra ny olona ary mampianjera azy ireo. DH: "ny ota dia manasarotra ny fankatoavana an'Andriamanitra"

### Andeha isika hihazakazaka am-paharetana ny fihazakazahana izay napetraka teo alohantsika

Ny fanarahana an'i Jesosy dia resahina toy ny hoe fihazakazahana. DH: "Andeha isika hanoy hankatoa izay nandidin'Andriamanitra antsika, toy ny mpihazakazaka mandeha hatrany mandrapa-tapitry ny hazakazaka"

### mpampiantomboka sy mpanatanteraka

"mpamorona sy mpamarana." Ity dia midika fa Jesosy no loharanon'ny finoan'ireo mpino. Izy ilay iray izay hitokian'ireo mpino, ary Izy ihany koa dia manome antoka fa hahatratra ny tanjony ireo mpino.

### ny hafaliana izay napetraka teo anoloany

Ny hafaliana izay an'i Jesosy dia resahina toy ny hoe napetrak'Andriamanitra Ray teo anoloany izany mba ho tanjona tratarina.

### tsy niraharaha ny henatr'izany

Ity dia midika fa tsy voakasika momban'ny henatra ny fahafatesana teo amin'ny hazofijaliana Izy.

### nipetraka teo an-tanan'an-kavanana

Eto ny "tanana an-kavanana" dia maneho ny toeram-boninahitra. DH: "nipetraka teo am'ny toeram-boninahitra Izy." Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 1:1.

### seza fiandrianan'Andriamanitra

Eto ny "seza fiandrianana" dia maneho ny fanapahan'Andriamanitra toy ny mpanjaka. DH: "an'Andriamanitra izay mpanjaka"

### reraka ao am-ponareo

Eto ny "fo" dia maneho ny eritreritry ny olona sy ny fihetseham-po. DH: "kivy"

## Hebrews 12:4

### fahotana, be fahotana, mpanota, manota

Ny teny hoe "fahotana" dia maneho ireo heitska, eritreritra, ary teny izay manohitra ny sitrapon' Andriamanitra sy ny lalàny. Ny fahotana ihany koa dia maneho ny tsy fanaovana ny zavatra izay tian'Andriamanitra hataontsika.

### rà

Ny teny hoe "ra" dia maneho ny tsiranoka mena izay mivoaka avy amin'ny hoditry ny olona rehefa misy ratra na fery. Ny rà dia mitondra sakafo manome fiainana ho an'ny vatan'ny olona iray manontolo. Ny rà dia manamarika ny fiainana ary rehefa latsaka na raraka izany, dia manamarika ny fahaverezan'ny aina, na fahafatesana. Rehefa nanao sorona ho an'Andriamanitra ireo olona, dia namono biby izy ireo ary nandrarakana ny rà'izany teo amin'ny alitara. Izany dia manamarika ny soron'ny ain'ilay biby mba handoa ny vidin'ny otan'ny olona. Tamin'ny alalan'ny fahafatesany teo amin'ny hazofijaliana, dia nanamarika ny fanadiovana ireo olona amin'ny fahotan'izy ireo ary ny fandoavana ny vidin'ny fanasaziana mendrika azy ireo noho ireo fahotana ireo ny rà'i Jesosy. Ny fomba fiteny hoe "nofo sy rà" dia maneho ny maha-olombelona. Ny fomba fiteny hoe "ny nofoko sy ny ràko manokana" dia maneho ny olona izay mifandray amin'ny lafiny biolojika.

### mampirisika, fampaherezana

Ny teny hoe "mampirisika" sy "fampaherezana" dia maneho ny fitenenana sy fanaovana zavatra izay mampionona, mampisy fanantenana, mampisy fahatokiana, ary faherezana ny olona.

### nampianatra, fampianarana

Ny teny hoe "nampianatra" na "fampianarana" dia maneho fanomezana toro-lalana voafaritry momban'izay tokony hatao.

**Ry zanako**

Ny teny hoe "zanaka" dia maneho ny fifandraisan'ny tovolahy na lehilahy amin'ireo ray aman-dreniny. Izany afaka milaza ihany koa na ny zanaka lahy na zanaka lahy natsangana.

**Tompo**

Ny teny hoe "Tompo" dia maneho ny olona izay manana fananana na fahefana eo amin'ny olona. Rehefa nohazavaina izany, dia fiantsoana izay maneho an'Andriamanitra.

**fitsipiky ny Tompo**

Ny teny hoe "fitsipika" dia maneho ny fanazarana ny olona mba hankatoa ny fametrahana ny toro-lalan'ny fitondran-tena.

**fitiavana**

Ny fitiavana olona hafa dia ny fikarakarana izany olona izany sy fanaovana izay zavatra mampisy tombotsoa azy. Misy dikan-teny samihafa ho an'ny "fitiavana" izay andikan'ny fiteny sasany amin'ny teny hafa. 1) Ny kazana fitiavana izay avy amin'Andriamanitra dia mifantoka amin'ny fanaovana tsara amin'ny hafa, na dia tsy misy tombotsoa ho an'ny tena aza. Izany karazana fitiavana izany dia mikarakara ny hafa, na inona na inona zavatra ataony. Andriamanitra mihintsy no fitiavana ary loharanon'ny tena fitiavana. 2) Ny teny hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao dia maneho ny fifankatiavan'ny mpirahalalahy na fitiavan-namana na mpianakavy. 3) Ny teny hoe "fitiavana" dia afaka adika ho fitiavan'olon-droa lahy sy vavy ihany koa.

**manasazy**

Ny teny hoe "manasazy" dia midika hoe mampijaly olona iray nohon'ny fanaovana zavatra tsy nety.

**Hebrews 12:7****Miareta fijaliana toy ny fitsipika**

Takaro fa mandritry ny fijaliana Andriamanitra dia mampianatra fitsipika antsika"

**Andriamanitra dia mitondra anareo toy ny zanaka**

Ity dia mampitaha ny fitsipik'Andriamanitra mamehy ny olony amin'ny ray izay mamehy ireo zanany. DH: "Andriamanitra dia mitondra anareo tahakan'ny ray izay mitondra ny zanany"

**zanaka**

Ito dia afaka midika lahy sy vavy.

**Fa zanaka inona no teo ka tsy nafaizain'ny rainy?**

Ny mpanaotra dia maneho ny heviny amin'ity fanontaniana ity fa ny ray tsara rehetra dia manome fitsipika ireo zanany. Afaka adika ho fanambarana izany. DH: "Ny ray rehetra dia manafay ireo zanany!"

**Fa raha tsy manana fitsipika ianareo, izay ananan'ny olona rehetra**

DH: "Koa raha tsy niaina ny famaizany Andriamanitra ianareo tahakan'ny famaizany ny zanany rehetra"

**dia zazasary ianareo fa tsy zanany**

Ireo izay tsy nafaizin'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe zanaka teraka tamin'ny lehilahy sy vehivavy izay mbola tsy nifanambady.

**Hebrews 12:9****ray ara-nofo**

Eto ny teny hoe "ara-nofo" dia maneho ny olombelona. DH: "ray ara-boajanahary" na "ray eto an-tany"

**toy ny mpanafay**

"izay mamehy antsika"

**Tsy tokony hankatoa kokoa ny Rain'ny fanahy ve isika ary ho velona?**

Ny mpanoratra dia mampiasa fanontaniana mba hanamafisana fa tokony hankatoa an'Andriamanitra Ray. Afaka adika ho fanambarana izany. DH: "Noho izany isika dia tokony hankatoa be kokoa ny Rain'ny fanahy aza ka ho velona!"

**ary ho velona**

"mba ho velona"

**Rain'ny fanahy**

Ity fomba fiteny ity dia mifanohitra amin'ny "ray ara-nofo". DH: "Raintsika ara-panahy" na "Raintsika any an-danitra"

**mba hafahantsika manana anjara amin'ny fahamasinany**

Ity sari-teny ity dia miresaka ny "fahamasinana" toy ny hoe zavatra izay afaka zaraina eo amin'ny olona. DH: "mba hatongavantsika masina tahakan'Andriamanitra izay masina"

**vokatra feno fiadanana**

Eto ny hoe "vokatra" dia sari-teny ary resahina toy ny hoe olona izay miadana ary mitondra fiadanana ho an'ny hafa.

**vokatra feno fiadanan'ny fahamarinana**

Ny fahamarinanana, ny hatsaran'ny olona izay mankatoa an'Andriamanitra, dia resahina toy ny hoe mitombo eo amin'ny hazo. Eto ny mpanoratra dia milaza fa ny fahamarinana dia mitombo tahakan'ny vokatry ny fitsipika.

**ireo izay nozarina tamin'izany**

"Ireo izay nozarina tamin'ny fitsipika." Ny fitsipika na ny fanitsiana nataon'ny Tompo dia resahina toy ny hoe Tompo mihintsy izany. DH: "Izay nozarina Andriamanitra tamin'ny fifehezana azy ireo"

## Hebrews 12:12

**hatanjao ireo tananareo izay miraviravy sy ireo lohalikareo malemy. Manaova lalana mahitsy ho an'ny tongotrareo,**

Ity dia mety manohy ny sari-teny momban'ny fihazakazahana tao amin'ny 12:1. Amin'izany fomba izany no iresahan'ny mpanoratra ny momban'ny fiainana amin'ny maha-Kristiana sy fanampiana ny hafa.

### **lalana mahitsy**

Ny fiainana mba hanomezana voninahitra sy hampifaliana an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe lalana mahitsy arahina.

### **izay malemy dia tsy hipitsoka**

Amin'ity sari-teny fihazakazahana ity, ny "malemy" dia maneho ny olona hafa ao amin'ny hazakazaka izay naratra ary te-hiala. Izany, ho setrin'izany, dia maneho ireo Kristiana. DH: "na iza na iza malemy sy maniry ny hiala dia tsy hipitsoka ny kitrokeliny"

### **tsy hipitsoka**

Ny olona izay mijanona mankatoa an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe nandratra ny tongony na ny kitrokeliny teny amin'ny lalana. DH: "Tsy hipitsoka ny kitrokeliny"

### **fa ho sitrana aza**

DH: "fa kosa ho tonga mehery" na "fa kosa hanasitrana azy Andriamanitra"

## Hebrews 12:14

### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Esao, izay nolazaina tao amin'ny asa-soratr'i Mosesy ny momba azy, dia maneho ny zanaka voalohan'Isaka sy rahalahin'i Jakoba.

### **Manenjeha fiadanana miaraka amin'ny olona rehetra**

Eto ny teny hoe "Manenjeha" dia resahina toy ny hoe zavatra izay tsy maintsy enjehan'ny olona. DH: "Miezaha miaina am-piadanana miaraka amin'ny olona rehetra"

### **ary ny fahamasinana ihany koa izay tsy hahitan'iza na iza ny Tompo**

DH: "ary ihany koa miasa mafy mba ho masina, satria ny olona masina ihany no hahita ny Tompo"

### **ny fahamasinana ihany koa**

DH: "enjeho koa ny fahamasinana"

### **tsy hisy na iza na iza tsy hanana ny fahasoavan'Andriamanitra**

"tsy hisy na iza na iza tsy handray ny fahasoavan'Andriamanitra" na "tsy hisy na iza na iza handà ny fahasoavan'Andriamanitra aorian'ny fahatokiana azy voalohany"

**tsy hisy fakan'ny fahangidiana mitombo hiteraka korontana, mba tsy ho maro no lasa voaloto amin'izany**  
Ny toetra feno fankahalana na feno fahatezerana dia resahina toy ny hoe zavamaniry mangidy amin'ny fanandramana. DH: "mba tsy hisy olona lasa tahakan'ny faka mangidy, izay rehefa mitombo dia manakorontana sy mandratra olona maro"

### **dia nolavina**

DH: "ny rainy, Isaka, dia nandà ny hitsodrano azy"

### **satria tsy nahita irika amin'ny fibebahana izy**

"Satria tsy vitan'ny rainy, Isaka, ny hanova ny fanapaha-keviny"

## Hebrews 12:18

### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny mpanoratra dia manome fifanoherana eo amin'izay hananan'ireo mpino tamin'ny niaina tao ambany lalàna tamin'ny andron'i Mosesy sy izay hananan'ny mpino ankehitriny taorian'ny nahatongavan'i Jesosy tao ambanin'ny fanekena vaovao. Izy dia manazava ny niainan'ireo Isiraelita tamin'ny famaritana ny fomba nisehoan'Andriamanitra tamin'izy ireo teo amin'ny tendrombohitra'i Sinay.

### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "ianareo" dia maneho ireo mpino Hebreo izay hanoratan'ny mpanoratra. Ary ny teny hoe "izy ireo" dia maneho ireo vaohakan' Isiraely taorian'ny nitondran'i Mosesy azy ireo nivoaka tany Egypta. Ny teny nindramina voalohany dia avy any amin'ny soratr'i Mosesy. Andriamanitra dia milaza eto amin'ity andalana amin'ny Hebreo ity fa Mosesy dia nilaza fa nihozongozona izy tamin'ny fahitana ny tendrombohitra.

### **tsy tonga teo amin'ny tendrombohitra izay tsy afaka kasihina**

Dh: "Fa ianareo dia tsy tonga, toy ny nahatongavan'ny vaohakan'Isiraely, tany amin'ny tendrombohitra izay afaka kasihina"

### **tsy afaka kasihina**

Ity dia midika fa ireo mpino ao amin'i Kristy dia tsy tonga ho an'ny tendrombohitra ara-nofo toy ny tendrombohitra'i Sinay izay afaka kasihina na hita. DH: "Izay afaka kasihina ny olona"

### **Ianareo dia tsy tonga teo amin'ny trompetra maneno**

"Ianareo dia tsy tonga teo amin'ny toerana izay misy ny feo mafin'ny trompetra"

### **na teo amin'ny feo izay miteny ireo teny izay ny mpihaino izany dia nangataka mba tsy hisy teny hafa ho lazaina amin'izy ireo**

Eto ny "feo dia maneho ny olona miresaka. DH: "na teo amin'izay nitenenan'Andriamanitra tamin'ireny dia niangavy Azy ireo izay nahare Azy mba tsy hiresaka teny hafa amin'izy ireo"

**izay nodidiana**

DH: "Izay nodidin'Andriamanitra"

**dia tsy maintsy ho toraham-bato izany**

Afaka adika hoe. DH: "tsy maintsy ho torahanao vato izany"

**Hebrews 12:22****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny lehilahy Abela no zanaka voalohan'ny lehilahy sy vehivavy voalohany, Adama sy Eva. Kaina, ihany koa dia zanany, novonoin'i Abela.

**tendrombohitra Ziona**

Ny mpanoratra dia miresaka ny tendrombohitra'i Ziona, ny tempoly tendrombohitra any Jerosalema, toy ny hoe lanitra, fonenan' Andriamanitra.

**anjely an'alinalina**

"anjely tsy hita isa"

**voalohan-teraka**

Ity dia miresaka ireo mpino ao amin'i Kristy toy ny hoe zanaka voalohany izy ireo. Izany dia manamafy ny toeran'izy ireo manokana sy tombotsoa amin'ny maha-olon'Andriamanitra.

**voasoratra anarana any an-danitra**

"izay voasoratra any an-danitra ny anarany." DH: "Ireo nosoratan'Andriamanitra any an-danitra ny anarany"

**ilay mpanalalana ny fanekena vaovao**

Ity dia midika fa Jesosy no nahatonga ny fanekena vaovao teo amin'Andriamanitra sy ny olombelona. Jereo ny nandikanao ity tao amin'ny 9:13.

**izay natao tonga lafatra**

DH: "Ireo izay nataon'Andriamanitra tonga lafatra"

**rà latsaka izay tsara kokoa noho ny rà'n'i Abela.**

Ny rà'n'i Jesosy sy ny rà'n'ny Abela dia samy resahina toy ny hoe olona roa izay nantsoina. DH: "ny rà latsak'i Jesosy izay milaza zavatra tsara kokoa noho ny rà'n'i Abela"

**rà**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy, toy ny rà'n'i Abela maneho ny fahafatesany.

**Hebrews 12:25****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Rehefa nampifanohitra ny niainan'ireo Isiraelita tany an-tendrombohitra'i Sinay tamin'ny niainan'ireo mpino taorian'ny nahafaty an'i Kristy, dia mampatsiahy ireo mpino ny mpanoratra fa izy ireo dia manana Andriamanitra iray ihany izay mampitandrina an'izy ireo ankehitriny. Izany no fampitamdremana fahadimy nomena an'ireo mpino.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny mpaminany Hagay ao amin'ny Testamenta Taloha. Ny teny hoe "ianareo" dia manohy milaza ireo mpino. Ny teny hoe "isika" dia manohy milaza ny mpanoratra sy ny mpamaky izay mpino.

**ianareo tsy handà ilay iray izay miteny**

DH: "mitandrema ianareo amin'ilay iray izay miteny"

**raha tsy nandositra izy ireo**

DH: "raha tsy nandositra ny fitsarana ireo vaohakan'Isiraely"

**ny iray izay nampitandrina azy ireo teto an-tany**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1)"Mosesy izay nampitandrina an'izy ireo teto an-tany" na 2) "Andriamanitra izay nampitandrina azy ireo teo amin'ny tendrombohitra'i Sinay"

**raha mihodina amin'ilay iray izay mampitandrina**

Ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe olona izay mitodika ary mandeha manalavitra Azy. DH: "raha tsy mankatoa ilay iray izay mampitandrina isika"

**ny feony nanozongozona ny tany**

"rehefa niteny Andriamanitra, dia manozongozona ny tany ny feony"

**nanozongozona ... hanozongozona**

Ity dia mamerina maneho ny tao amin'ny 12:18 sy izay nitranga rehefa nahita ny tendrombohitra izay nandraisan'i Mosesy ny lalàna avy amin'Andriamanitra ny olona.

**Hebrews 12:27****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny nindramina avy ao amin'ny mpaminany Hagay ao amin'ny Testamenta Taloha dia naverina avy tao amin'ny andininy teo aloha.

**ny famindrana ireo zavatra izay afaka hozongozonina**

DH: "Andriamanitra dia hanala ny zava-drehetra izay miozongozona"

**izay nohariana**

DH: "izay noharian'Andriamanitra"

**mandray fanjakana**

DH: "satria nandray fanjakana isika" na "satria Andriamanitra manao antsika ho isan'ny fanjakany"

**ireo zavatra izay tsy azo hozongozonina**

DH: " ireo zavatra izay tsy miozongozona"

**dia aoka ho mpankasitraka isika**

"andeha hanome fisaorana isika"

**am-panajana fatratra sy amin-tahotra**

Ny teny hoe "am-panajana" sy "tahotra" dia mitovy dikan-teny ary manamafy ny halehiben'ny haja noho Andriamanitra. DH: "amin'ny haja sy tahotra lehibe"

**Fa ny Andriamanintsika dia afo mandevona.**

Andriamanitra dia resahina toy ny hoe afo izay mandoro ny zava-drehetra.

---

## Chapter 13

<sup>1</sup> Aoka hitohy ny fitiavana ara-pirahalalahiana. <sup>2</sup> Aza manadino ny fampiantranoana ireo vahiny. Fa tamin'ny alalan'izany, no nanehoan'ny sasany fampiantranoana ireo anjely nefa tsy fantany izany. <sup>3</sup> Tsarovy ireo voafonja, toy ny hoe niara-nifatotra tamin'izy ireo ianareo. Tsarovy ireo izay nampahoriana, toy ny hoe izy ireo ihany koa ianareo amin'ny vatana. <sup>4</sup> Aoka ho hajain'ny tsirairay ny fanambadiana. Aoka ny fandrian'ny fanambadiana mba hadio, fa Andriamanitra dia hitsara ireo mpangala-badin'olona sy ireo mpijangajanga. <sup>5</sup> Avelao ny fitondran-tenanareo ho afaka amin'ny fitiavam-bola. Mifalia amin'ireo zavatra izay hanananareo, satria Andriamanitra tenany dia niteny hoe: "Izaho dia tsy handao anareo mihitsy, na hahafoy anareo akory." <sup>6</sup> Aleo isika ho faly mba ho sahy hiteny hoe: "Ny Tompo no Mpamonjiko; ka tsy hatahotra aho. Inona no azon'ny olona atao amiko?" <sup>7</sup> Hevero ireo mpitarika anareo, ireo izay niteny ny Tenin'Andriamanitra taminareo, ary hevero ny vokatriny fihetsik'izy ireo. Alao tahaka ny finoan'izy ireo. <sup>8</sup> Jesosy Kristy dia tsy miova omaly, sy anio, ary mandrakizay. <sup>9</sup> Aza manaiky taomina amin'ireo karazana fampianarana hafahafa. Fa tsara raha tokony hamafisina amin'ny fahasoavana ny fo, fa tsy amin'ny hanina izay tsy manampy ireo izay mandeha miaraka amin'izy ireo. <sup>10</sup> Isika dia manana alitara izay tsy ananan'ireo izay manompo ny tabernakely fahefana hihinana. <sup>11</sup> Fa ny ràny ireo biby novonoina atao fanatitra ho an'ny ota dia nentin'ny mpisoronabe tao amin'ny toerana masina, nandritr'izany ny vatan'izy ireo dia nodorana tany ivelan'ny toby. <sup>12</sup> Noho izany Jesosy ihany koa dia nijaly tany ivelan'ny vavahadin'ny tanàna, mba hanamasina ireo vahoaka amin'ny alalan'ny ràny manokana. <sup>13</sup> Andeha isika noho izany ho any Aminy any ivelan'ny toby, hitondra ny fahafam-barakany. <sup>14</sup> Fa tsy manana tanàna maharitra isika ety. Fa kosa, miandry ilay iray izay ho avy isika. <sup>15</sup> Amin'ny alalany, ary, dia andao isika hanolotra ireo fanati-piderana ho an'Andriamanitra hatrany, fiderana vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany. <sup>16</sup> Aleo tsy adinointsika ny manao ny tsara sy manampy ny tsirairay avy, fa amin'ny fanatitra tahaka izany no tena mahafaly an'Andriamanitra. <sup>17</sup> Mankatoava sy maneke ireo mpitarika anareo, fa izy ireo no miahay ny fanahinareo, tahaka ireo izay hanao tatitra. Mankatoava mba hanao izany am-pifaliana ireo mpitondra anareo, fa tsy am-pisentoana, izay lasa tsy misy dikany ho anareo. <sup>18</sup> Mivavaha ho anay, fa izahay dia nino fa manana feon'ny fieritreretana madio ary maniry hiaina am-pahamarinana ny zavatra rehetra. <sup>19</sup> Manosika anareo bebe kokoa aza aho mba hanao izany, ka mba hiverina faingana aminareo aho. <sup>20</sup> Ary ilay Andriamanitra ny fiadanana, izay nanangana tamin'ny maty ilay mpiandry ondry lehibe, ny Tompotsika Jesosy, tamin'ny alalan'ny ràny ireo fanekena mandrakizay, <sup>21</sup> dia hanatsara anareo amin'ny asa tsara rehetra mba hanaovana ny sitrapony. Izy anie hiasa ao anatintsika izay tena ankasitrahana eo anatrehany, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, izay homena ny voninahitra mandrakizay. Amena. <sup>22</sup> Ary mankahery anareo aho, ry rahalahy, mba hizaka ny tenin'ny fampaherezana izay nosoratako fohy ho anareo. <sup>23</sup> Fantaro fa efa nafahana Timoty rahalahintsika, izay hiaraka amiko hijery anareo raha tonga aloha izy. <sup>24</sup> Ataovy veloma ireo mpitarika anareo rehetra sy ireo mpino rehetra. Ireo izay avy any Italia dia manao veloma anareo. <sup>25</sup> Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana.

### Hebrews 13:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ato amin'ity fizarana mamarana ity, dia manome toro-lalana manokana ho an'ireo mpino ny mpanoratra ny amin'ny fomba tokony hiainan'izy ireo.

#### Avelao hitohy ny fitiavana ara-pirahalalahiana

"manohiza mampiseho ny fitiavanareo ho an'ireo mpino hafa toy ny isan'ny ankohonanareo"

#### Aza manadino

DH: "ataovy azo antoka fa hahatadidy"

#### fampiantranoana ireo vahiny

"mba hapandroso sy haneho fahatsoram-po amin'ireo vahiny"

### Hebrews 13:3

#### toy ny hoe niara-nifatotra tamin'izy ireo ianareo

DH: "toy ny hoe tao am-pigadrana niaraka tamin'izy ireo ianareo"

#### ireo izay nampahoriana

DH: "Ireo hampahorian'ireo hafa" na "ireo izay mijaly"

#### toy ny hoe izy ireo ihany koa ianareo amin'ny vatana

Ity fehezanteny ity dia mampahery ireo mpino mba hisaina momban'ny fijalian'ireo olona hafa tahakan'ny hisainan'izy ireo momba ireo fijalian'izy ireo manokana. DH: "tahakan'ny hoe ianareo ilay iray mijaly"

**Aoka ho hajain'ny tsirairay ny fanambadiana**

DH: "Ny lehilahy sy vehivavy izay mifanambady dia tsy maintsy mifanaja"

**Aoka ny fandrian'ny fanambadiana mba hadio**

Ity dia maneho ny firaisana ara-nofy toy ny hoe fandrianan'ireo mpanambady roa irery ihany. DH: "Aoka ny Lehilahy sy ny vehivavy hanome voninahitra ny fifandraisan'ny fanambadian'izy ireo tsirairay avy ary tsy hiaraka hatry amin'ny olona hafa"

**Hebrews 13:5****Aoka ny fitondran-tenanareo ho afaka amin'ny fitiavam-bola**

"Aza tia vola"

**Mifalia**

"mahonona tena"

**Ny Tompo no mpamonjiko ... atao amiko**

Ity teny nindramina ity dia avy ao amin'ny bokin'ny Salamo ao amin'ny Testamenta Taloha.

**ka tsy hatahotra aho. Inona no azon'ny olona atao amiko?"**

Mampiasa fanontaniana ny mpanoratra mba hanamafisana fa tsy matahotra ny olona izy satria manampy azy Andriamanitra. Eto ny "olona" dia maneho ny olona amin'ny ankapobeny. DH: "Tsy hatahotra an'izay afaka ataon'ny olona amiko aho!"

**Hebrews 13:7****vokatrin'ny fihetsik'izy ireo**

"ny vokatry ny fomba fitondran-tenan'izy ireo"

**Alao tahaka ny finoan'izy ireo**

Eto ny fahatokiana an'Andriamanitra sy ny lalan'ny fiainana notarihan'ireo mpitarika ireo dia resahina toy ny hoe "finoan'izy ireo." DH: "Mahatokia ary mankatoava tahaka an'izay ataon'izy ireo"

**dia tsy miova omaly, sy anio, ary mandrakizay.**

Eto ny teny hoe "omaly" dia milaza ny fotoana rehetra taloha. DH: "dia tsy miova taloha, sy ankehitriny, ary ny ho avy mandrakizay."

**Hebrews 13:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity fizarana ity dia maneho ny sorona biby nataon'ireo mpino tao amin'Andriamanitra tamin'ny fotoanan'ny Testamenta Taloha, izay nanaromana ny fahotan'izy ireo vonjimaika mamdrapaha-faty an'i Kristy

**Aza manaiky taomina amin'ireo karazana fampianarana hafahafa**

Ny faharesen-dahatra amin'ny fampianarana samihafa dia resahina toy ny hoe olonaentina ankeriny. DH: "Aza manaiky ho resen'ireo hafa lahatra

ny mba hinonareo ireo karazana fampianarana hafahafa"

**karazana fampianarana hafahafa**

"ireo karazana fampianarana, maro, izay tsy vaovao mahafaly ambaranay aminareo"

**tsara raha tokony hamafisina amin'ny fahasoavana ny fo, fa tsy amin'ny hanina izay tsy manampy ireo izay mandeha miaraka amin'izy ireo**

DH: "Lasa mahery isika rehefa misaina ny fahatsoram-pon'Andriamanitra amintsika, fa isika dia tsy tonga mahery amin'ny fankatoavana ny fitsipika momban'ny hanina"

**hamafisina ... ny fo**

Eto ny teny "ny fo" dia maneho ny herim-pon'ny olona, fitiavana, ary fahatapanan-kevitra. Ireo zavatra ireo dia resahina mba ho hamafisina toy ny hoe fon'ny olona.

**ireo izay mandeha miaraka amin'izy ireo**

Ny fiainana dia resahina toy ny hoe mandeha. DH: "ireo izay miara-miaina amin'izy ireo" na "ireo izay mifehy ireo fiainany miaraka amin'izy ireo"

**isika dia manana alitara**

Eto ny "alitara" dia mijoro ho "toerana hivavahana." Izany ihany koa dia maneho ireo biby izay ataon'ireo mpisorona amin'ny fanekena taloha sorona, izay angalan'izy ireo hena ho an'ny tenan'izy ireo sy ho an'ny fianakaviny.

**Fa ny ràn'ireo biby novonoina atao fanatitra ho an'ny ota**

dia nentin'ny mpisoronabe tao amin'ny toerana masina, DH: "ny mpisoronabe dia mitondra ny ràn'ireo biby izay novonoin'ireo mpisorona ho an'ireo ota ao amin'ny toerana masina"

**Nandritr'izany ny vatan'izy ireo dia nodorana**

DH: "Nandritr'izany dia nodoran'ny mpisorona ny vatan'ireo biby"

**tany ivelan'ny toby.**

"lavitry ny fonenan'ny olona"

**Hebrews 13:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Misy fampitahana amin'ny soron'i Jesosy sy ny soron'ny tabernakelin'ny Testamenta Taloha.

**ivelan'ny vavahadin'ny tanàna**

Izany dia milaza hoe "any ivelan'ny tanàna"

**Andeha isika noho izany ho any Aminy any ivelan'ny toby**

Ny fankatoavana an'i Jesosy dia resahina toy ny hoe olona mandao ny toby mba andeha hivoaka any amin'izay misy an'i Jesosy.

**hitondra ny fahafam-barakany**

DH: "Raha namela ireo hafa hanopa antsika toy ny nanopan'ny olona azy"



**Hebrews 13:15****fanati-piderana**

Ny fiderana dia resahina toy ny hoe sorona biby na didin-kazo manim-pofona.

**fiderana vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany**

Ny Fiderana dia resahina toy ny hoe vokatry, ary ny "molotra" dia resahina toy ny hoe hazo mamokatra voa. Ary fanampiny, ny "molotra" dia maneho ny olona miderana ny Tompo. DH: "ny fiderana izay fanatitra avy amin'ireo izay manaiky ny anarany"

**Aleo tsy adinointsika ny manao ny tsara sy manampy ny tsirairay avy**

DH: "Aoka ho tadidintsika foana ny manao ny tsara ary manampy ny hafa"

**fa amin'ny fanatitra tahaka izany**

Ny fanaovana ny tsara sy fanampiana ny hafa dia resahina toy ny hoe fanatitra eo amin'ny alitara.

**miahy ny fanahinareo**

Ny fanahin'ireo mpino, izany hoe, ny arapanahin'ireo mpino, dia resahina toy ny hoe zavatra na biby izay afaka ambenan'ny mpiambina.

**fa tsy am-pisentoana**

Eto ny "fisentoana" dia maneho ny alahelo.

**Hebrews 13:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Ny mpanoratra dia manakatona amin'ny fitsofandrano sy fiarahabana.

**Mivavaha ho anay**

Eto ny hoe "izahay" dia maneho ny mpanoratra sy ireo mpiara-dia aminy.

**fa izahay dia nino fa manana feon'ny fieritreretana madio**

Eto ny hoe "madio" dia maneho fa afaka amin'ny heloka. DH: "azontsika antoka fa tsy misy heloka isika"

**ka mba hiverina faingana aminareo aho**

DH: "mba hanalan'Andriamanitra faingana ireo zavatra izay manakana ny fahatongavako tany aminareo"

**Hebrews 13:20****Ary**

Ity dia manamarika fizarana vaovao amin'ilay taratasy. Eto ny mpanoratra dia midera an'Andriamanitra ary manome vavaka farany ho an'ireo mpamakiny.

**ilay mpiandry ondry lehibe**

Kristy amin'ny andraikiny maha-mpitarika sy mpiaro an'ireo izay mino Azy, dia resahina toy ny hoe mpiandry ondry.

**tamin'ny alalan'ny ràn'ny fanekena mandrakizay**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy, izay fototry ny fanekena izay haharitra mandrakizay eo amin'Andriamnitra sy ireo mpino rehetra ao amin'i Kristy.

**hanatsara anareo amin'ny asa tsara rehetra mba hanaovana ny sitrapony**

Eto ny hoe "hanatsara anareo" dia midika hoe "atao mahavita" na "ataoko manana fitaovana." DH: "ataoko mahavita zavatra tsara maro ianareo araka ny sitrapony"

**Izy anie hiasa ao anatintsika**

Ny teny hoe "isika" dia milaza ny mpanoratra sy ireo mpamakiny.

**izay homena ny voninahitra mandrakizay**

"izay ho derain'ny olona mandrakizay"

**Hebrews 13:22****Ary**

Ity dia manamarika fizarana vaovao ao amin'ny taratasy. Eto ny mpanoratra dia manome ny teniny farany ho an'ny mapamakiny.

**ry rahalahy**

Ity dia maneho ireo mpino rehetra izay nanoratany na lahy na vavy. DH: "Ireo namana mpino"

**hizaka ny tenin'ny fampaherezana**

"Hievitra amim-paharetana izay nosoratako mba hampaherezana anareo"

**ny tenin'ny fampaherezana**

Eto ny hoe "teny" dia maneho ny hafatra. DH: "Ny hafatra fampaherezana"

**efa nafahana**

DH: "Tsy any an-trano maizina intsony"

**Hebrews 13:24****Ireo izay avy any Italia dia manao veloma anareo**

Ireo dikan-teny azo heverina: 1) ny mpanoratra dia tsy any Italia, fa misy vondrona mpino miaraka aminy izay avy any Italia na 2) ny mpanoratra dia tany Italia tamin'ny nanoratra ity taratasy ity.

**Italia**

Ity dia anarana faritra tamin'izany fotoana izany. Roma no renivohitry ny tananan'Italia.



## Book: James

### James

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Jakoba, mpanompon'Andriamanitra sy Tompo Jesosy Kristy, ho an'ireo foko roa ambin'ny folo niparitaka: arahaba. <sup>2</sup> Raiso ho fifaliana avokoa izany, ry rahalahy, rehefa misedra olana samihafa ianareo. <sup>3</sup> Fantatrareo fa ny fitsapana ny finoanareo dia mahantonga faharetana. <sup>4</sup> Avelao ny faharetana hahatanteraka ny asany, mba tena hivoatra sy ho feno tanteraka ianareo, ka tsy ho ory na inona na inona. <sup>5</sup> Fa raha misy aminareo mila fahendrena, aoka izy hangataka izany amin'Andriamanitra, ilay iray izay manome an-tsitrapo sy tsy mandatsa izay rehetra mangataka, ary omeny azy izany. <sup>6</sup> Fa avelao izy hangataka amin'ny finoana, tsy misalasala amin'inona na inona. Fa izay misalasala dia tahaka ny onjan-dranomasina izay entin'ny rivotra sy mitopatopa. <sup>7</sup> Fa izany olona izany dia tsy tokony hieritreritra ny handray na inona na inona avy amin'ny Tompo. <sup>8</sup> Ny olona tahaka izany dia miroa saina, miovaova amin'ny lalany rehetra. <sup>9</sup> Aoka ny rahalahy mahantra hanao ny fisandratany ho rehehany, <sup>10</sup> fa ny olona manan-karena amin'ny fietreny, satria izy dia hilofika tahaka ny voninkazo-dia eny amin'ny ahitra. <sup>11</sup> Fa ny masoandro dia mipoaka amin'ny hafanana mahamay ary manamaina ny ahitra. Ny voninkazo dia mihintsana, ary ny hatsarany dia ho levona. Toy izany koa, ny olona manan-karena dia halazo eny amin'ny atsasaky ny diany. <sup>12</sup> Sambatra ny olona izay miaritra fitsapana. Satria rehefa avy nandalo fitsapana izy, dia handray ny satroboninahitry ny fiainana, izay nampanantenaina tamin'ireo izay tia an' Andriamanitra. <sup>13</sup> Rehefa misy halaim-panahy dia aoka izy tsy hiteny hoe: "Andriamanitra no naka fanahy ahy," satria Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaina fanahy, sady tsy mba maka fanahy na an'iza na iza. <sup>14</sup> Fa samy alaim-panahy amin'ny faniriany manokana ny olona tsirairay, izay mampiemotra sy mandresy azy. <sup>15</sup> Rehefa avy torontoronina ny faniriana, dia miteraka fahotana izany. Ary rehefa mitombo tanteraka ny ota, dia miteraka fahafatesana. <sup>16</sup> Aza mety ho fitahina, ry rahalahy malalako. <sup>17</sup> Ny fanomezana tsara rehetra sy ny fanomezana tonga lafatra rehetra dia avy any ambony. Izany dia midina avy amin'ny Rain'ny fahazavana. Miaraka aminy dia tsy misy fiovana na aloka nohon'ny fiadinana. <sup>18</sup> Andriamanitra dia nisafidy ny hanome fahaterahana antsika amin'ny tenin'ny fahamarinana, mba ho karazana voaloham-bokatr'ireo zavatra rehetra izay noforoniny isika. <sup>19</sup> Fantatrareo izany, ry rahalahy malalako: aoka ny olona rehetra halaky hihaino, tsy hiteny haingana, ary tsy halaky ho tezitra. <sup>20</sup> Fa ny hatezeran'ny olona dia tsy ahefana ny fahamarinan'Andriamanitra. <sup>21</sup> Koa esory ny fahalotoana rehetra sy ny faharatsiana rehetra. Amim-panetre-tena dia raiso ny teny efa napetraka, izay afaka mamonjy ny fanahinareo. <sup>22</sup> Aoka ho mpankatoa ny teny ianareo fa tsy mpihaino fotsiny ihany, ka mamitaka ny tenanareo. <sup>23</sup> Fa raha misy mpihaino ny teny nefa tsy mpankatoa, dia tahaka ny olona izay mandinika ny tarehiny voajanahary anaty fitaratra izy. <sup>24</sup> Mandinika ny tenany izy ka mandeha avy eo ary manadino avy hatrany ny momba azy. <sup>25</sup> Fa ny olona izay mandinika tsara ny lalànan'ny fahafahana tonga lafatra, sy manohy manao izany, fa tsy hoe mpihaino fotsiny izay manadino, dia ho tahiana amin'ireo asany izany olona izany. <sup>26</sup> Raha misy mihevi-tena ho mpivavaka, nefa tsy mifehy ny lelany, dia mamitaka ny fony izy, ary tsy misy vidiny ny fivavahany. <sup>27</sup> Ny fivavahana madio sy tsy misy pentina eo anoloan' Andriamanintsika sy ny Raintsika dia izao: hanampy ireo kamboty sy ireo mpitondratena amin'ny fahorian'izy ireo, ary miaro ny tena mba tsy hisy pentina avy amin'izao tontolo izao.

#### James 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Aorian'ny fiarahabana fanokafana, i Jakoba dia milaza amin'ireo mpino fa ny anton'ny olana dia hitsapana ny finoana.

##### Jakoba, mpanompon'Andriamanitra sy Tompo Jesosy Kristy

DH: "Izaho, Jakoba, dia mpanompon'Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompo"

##### Jakoba

Jakoba dia rahalahy tsy iray rà amin'i Jesosy.

**ho an'ireo foko roa ambin'ny folo niparitaka**

Io fomba fiteny io dia mety manondro ny kristiana Jiosy monina ivelan'Israely, na, ireo Kristiana rehetra monina eto amin'izao tontolo izao.

**foko roa ambin'ny folo**

Ny fomba fiteny hoe "foko roa ambin'ny folo" dia ilazana ny vahoakan'Israely raha ny tokony ho izy, satria nizara ho foko roa ambin'ny folo izy ireo. Eto amin'ity andalana ity, na izany aza, ny "foko roa ambin'ny folo" dia manondro ireo kristiana Jiosy na, ireo kristiana manerana izao tontolo izao. Eto ny "foko roa ambin'ny folo" dia ampiasaina ho fiantsoana, ary ny isa "roa ambin'ny folo" dia tokony atao soratra, fa tsy tarehimarika.

**niparitaka**

Ny teny hoe "niparitaka" raha ny tokony ho izy dia ilazana ireo Jiosy niparitaka tany amin'ny firenena-kafa, lavitr'Israely izay tany niavian'izy ireo. Eto amin'ity andalana ity, anefa, ny hoe "niparitaka" dia ilazana ireo kristiana Jiosy rehetra ivelan'Israely, na, ireo kristiana rehetra manerana izao tontolo izao.

**arahaba**

fomba fiarahabana, toy ny hoe "manao ahoana" na "salama"

**Raiso ho fifaliana avokoa izany, ry rahalahy, rehefa misedra olana samihafa ianareo**

"Ry namako mpino, hevero ho zavatra ho ankalazaina ireo karazana olana mahazo anareo"

**ny fitsapana ny finoanareo dia mahantonga faharetana**

Ny teny hoe "fitsapana," "ny finoanareo," ary ny "faharetana" dia anarana ilazana ny asa. Andriamanitra no manao ny fitsapana, izany hoe, hitany hoe toy ny ahoana ny fahatokiana sy fankatoavan'ireo mpino Azy. Ireo mpino dia mino Azy ary miaritra fahoriana. DH: "rehefa miaritra zava-tsarotra ianareo, dia hitan'Andriamanitra ny fahatokianareo Azy. Vokatry'izany, dia hanjary ho afaka ny hiaritra na zava-tsotra mihoatra noho izany aza ianareo"

**James 1:4****Avelao ny faharetana hahatanteraka ny asany**

Eto ny faharetana dia resahina toy ny hoe olona miasa. DH: "Mianatra miaritra ady sarotra"

**hivoatra sy ho feno tanteraka**

afaka ny hatoky an'i Kristy sy hankatoa Azy amin'ny teo-javatra rehetra

**tsy ho ory na inona na inona**

Azo atao hoe DH: "manana izay rehetra ilainareo" na "mba ho izay rehetra irinareo ianareo"

**aoka izy hangataka izany amin'Andriamanitra, ilay iray izay manome**

"mangataka izany. Fa Izy ilay iray izay manome"

**manome an-tsitraro sy tsy mandatsa izay rehetra mangataka**

"manome malalaka sady tsy mandatsa"

**omeny azy izany**

"ho ataon'Andriamanitra izany" na "hamaly ny vavakareo Andriamanitra"

**James 1:6****amin'ny finoana, tsy misalasala amin'inona na inona**

Azo atao hoe DH: "amin'ny fahazoana antoka tanteraka fa hamaly Andriamanitra"

**Fa izay misalasala dia tahaka ny onjan-dranomasina izay entin'ny rivotra sy mitopatopa**

Izay rehetra misalasala fa hanampy azy Andriamanitra dia resahina toy ny rano eny amin'ny ranomasina na farihy midadasika, izay mitopatopa hatrany.

**miroa saina**

Ny teny hoe "miroa-saina" dia ilazana ny fisainan'ny olona iray rehefa tsy mahavita manapa-kevitra izy. DH: "tsy afaka manapa-kevitra raha hanaraka an'i Jesosy izy na tsia"

**miovaova amin'ny lalany rehetra**

Eto io olona io dia resahina toy ny hoe olona tsy afaka mijanona eo amin'ny lalana iray fa mandeha mivezivezy kosa.

**James 1:9****ny rahalahy mahantra**

"ny mpino izay tsy dia manam-bola"

**hanao ny fisandratany ho rehehany**

Ny olona izay nomen'Andriamanitra voninahitra dia resahina ho toy ny olona mijoro eo amin'ny toerana ambony.

**fa ny olona manan-karena**

"fa ny olona izay manana vola be." Ireo mety ho dikany dia 1) mpino ilay lehilahy mpanan-karena na 2) tsy mpino ilay lehilahy mpanan-karena.

**amin'ny fietreny**

Tokony ho faly ny mpino iray raha entin'Andriamanitra amin'ny fahoriana. DH: "tokony ho faly fa nomen'Andriamanitra izany toerana izany"

**izy dia hifotika tahaka ny voninkazo-dia eny amin'ny ahitra**

Atao mitovy amin'ny voninkazo-dia ny olona mpanan-karena, izay velona vetivety ihany.

**olona manan-karena dia halazo eny amin'ny atsasaky ny diany**

Eto ny fampitahana amin'ny voninkazo dia mbola mitohy. Toy ny voninkazo izay tsy maty tampoka fa malazo ao anatin'ny fotona fohy, toy izany koa ny

olona manan-karena dia tsy voatery ho faty  
tampoka saingy vetivety monja dia manjavona.

#### atsasaky ny diany

Ny asa ataon'ny mpanan-karena andavanandro dia raisina toy ny dia izay ataony. Ity sarin-teny ity dia ilazana fa tsy nahazo eritritra ny amin'ny fiavian'ny fahafatesany izy, ary mahavoa azy tampoka izany.

### James 1:12

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampatsiahy ireo mpino izay nandositra i Jakoba fa tsy mahatonga fakam-panahy Andriamanitra; milaza amin'izy ireo ny fomba hialana amin'ny fakam-panahy izy.

#### Sambatra

Voatahy

#### miaritra fitsapana

mijanona ho mahatoky amin'Andriamanitra  
mandritra ny ady sarotra

#### avy nandalo fitsapana

neken'Andriamanitra

#### handray ny satroboninahitry ny fiainana

Ny fiainana mandrakizay dia raisina toy ny hoe fehi-loha vita amin'ny ravin-kazo izay apetraka eo amin'ny lohan'ny atleta mpandresy. DH: "handray ny fiainana mandrakizay ho valim-pitiany"

#### nampanantenaina tamin'ireo izay tia an' Andriamanitra

Azo atao hoe DH: "Nampanantena ny satroboninahitry ny fiainana ho an'ireo izay tia Azy Andriamanitra"

#### halaim-panahy

"rehefa maniry ny hanao zavatra ratsy izy"

#### Andriamanitra no naka fanahy ahy

Azo atao hoe DH: "Mitady hampanao zavatra ratsy ahy Andriamanitra"

#### Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaina fanahy

Azo atao hoe DH: "Tsy maniry ny hanao zavatra ratsy Andriamanitra"

#### sady tsy mba maka fanahy na an'iza na iza

"ary Andriamanitra tsy mitady izay hanaovan'iza na iza ratsy"

### James 1:14

#### samy alaim-panahy amin'ny faniriany manokana ny olona tsirairay

Ny filan'ny olona iray dia raisina toy ny hoe olona iray hafa izay maka fanahy azy mba hanota.

#### izay mampiemotra sy mandresy azy

Mbola raisina toy ny olona afaka misintona olona iray hafa ihany ny fanirian-dratsy.

#### mandresy

Misintona, mandresy lahatra ny hanao ratsy

#### Rehefa avy torontoronina ny faniriana, dia miteraka fahotana izany. Ary rehefa mitombo tanteraka ny ota, dia miteraka fahafatesana

Mbola raisina toy ny olona ihany ny filana, amin'ity indray mitoraka ity dia atao mazava toy ny vehivavy izay mitoe-jaza izany. Ilay zaza dia raisina hoe fahotana. Ny fahotana dia atao toy ny hoe zaza vavy izay mitombo, ary miteraka fahafatesana. Ity sarin-teny mitohitohy ity dia kisarisarin'ny olona iray izay mifafara amin'ny fahafatesana sady ara-panahy no ara-nofo nohon'ny filan'ny nofony sy ny fahotany.

#### Aza mety ho fitahina

"Aza avela hisy hamitaka anareo" na "Atsaharo ny famitahana ny tenanareo"

### James 1:17

#### Ny fanomezana tsara rehetra sy ny fanomezana tonga lafatra rehetra

Ireo fehezanteny roa ireo dia samy mitovy hevitra ihany. Ampiasain'i Jakoba ireo mba hanindriana fa ny zava-tsoa rehetra izay hananan'ny olona iray dia avy amin'Andriamanitra.

#### Rain'ny fahazavana

Andriamanitra, ilay mpahary ny fahazavana rehetra eny an-danitra (masoandro, volana, kintana), dia voalaza fa "Rain'izy ireo."

#### Miaraka aminy dia tsy misy fiovana na aloka nohon'ny fiodinana

Ity fomba fiteny ity dia maneho ny kisarisarin'Andriamanitra izay toy ny fahazavana tsy mba miova, tsy tahaka ny masoandro, volana, planeta, ary kintana, izay mifindrafindra eny amin'ny lanitra ary miova ny famirapiratan'ny DH: "Andriamanitra dia tsy miova toy ny ataon'ny masoandro, volana, ary kintana, izay miseho dia manjavona"

#### hanome ... antsika

Ny teny hoe "antsika" eto dia manondro an'i Jakoba sy ireo mpamaky.

#### hanome fahaterahana antsika

Andriamanitra, izay nitondra fiainana mandrakizay ho antsika, dia raisina toy ny hoe niteraka antsika.

#### ny tenin'ny fahamarinana

Ny hafatra marin'Andriamanitra. Atao toy ny hoe izany no fomba "niterahan'Andriamanitra" antsika.

#### karazana voaloham-bokatr'ireo

Mampiasa ny hevitra ny voaloham-bokatra ara-pomban'ny Hebreo i Jakoba mba hamaritana ny lanjan'ny Kristiana eo amin'Andriamanitra. Milaza amin'ny fomba tsy mivantana izy fa hisy mpino maro mihoatra izany amin'ny ho avy.

**James 1:19****Fantatrareo izany**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Fantaro izao" toy ny hoe baiko, mba hahaliana anareo amin'izay ho soratako na 2) "Fanatrareo izao" toy ny hoe teny tsotra, fa hampatsiahy zavatra izay efa fatatrareo aminareo aho.

**aoka ny olona rehetra halaky hihaino, tsy hiteny haingana**

Tokony hihaino tsara ny olona aloha, ary avy eo mihevitra tsara izay lazain'izy ireo. Ny hoe "tsy hiteny haingana" dia tsy midika hoe miteny miadana akory.

**tsy halaky ho tezitra**

"tsy ho mora tezitra"

**hatezeran'ny olona dia tsy ahefana ny fahamarinan'Andriamanitra**

Rehefa tezitra ny olona iray, dia tsy afaka manao ny asan'Andriamanitra, izay marina.

**esory ny fahalotoana rehetra sy ny faharatsiana rehetra**

Eto ny teny hoe "fahalotoana" sy "faharatsiana" dia mitovitovy hevitra ihany. Ampiasain'i Jakoba ireo mba hanindriana ny amin'ny faharatsian'ny fahotana. DH: "aoka izay ny fanaovana ireo karazan-toetra feno fahotana rehetra"

**fahalotoana**

Eto ny "Fahalotoana," izany hoe loto, dia ilazana ny fahotana sy ny ratsy.

**Amim-panetre-tena**

"tsy am-pireherehana" na "tsy am-pieboeboana"

**raiso ny teny efa napetraka**

Ny teny hoe "napetraka" dia midika fametrahana zavatra ao anatin'ny iray hafa. Eto ny tenin'Andriamanitra dia raisina toy ny zava-maniry natao mba hitombo ao anatin'ny mpino. DH: "ankatoavy ny hafatra izay nolazain'Andriamanitra taminareo"

**raiso ny teny efa napetraka**

Eto ny "teny," izany hoe "tenin'Andriamanitra" dia ilazana ny hafatry ny famonjena ao amin'i Kristy Jesosy izay ambaran'Andriamanitra amin'ireo mpino. Rehefa mino izany izy ireo, dia vonjen'Andriamanitra.

**mamonjy ny fanahinareo**

Azo atao mazava kokoa io. DH: "vonjeo amin'ny fitsaran'Andriamanitra ny fanahinareo"

**fanahinareo**

Eto ny teny hoe "fanahy" dia ilazana ilay olona manontolo.

**James 1:22****Aoka ho mpankatoa ny teny**

Mila mankatoa ireo teny sy didin'Andriamanitra izy ireo.

**Fa raha misy mpihaino ny teny nefa tsy mpankatoa, dia tahaka ny olona izay mandinika ny tarehiny voajanahary anaty fitaratra izy**

Ny olona izay mihaino ny tenin'Andriamanitra kanefa tsy mankatoa izany dia raisina toy ny olona izay mijery fitaratra ary avy eo dia manadino ny endriny.

**tarehiny voajanahary**

ny tarehiny araka ny tena izy

**Mandinika ny tenany izy ... manadino avy hatrany**

Ny olona izay mijery ny tarehiny ary manadino ny endrik'izay hitany avy hatrany dia tahaka ny olona izay mandre ny tenin'Andriamanitra ary manadino izay reny.

**Fa ny olona izay mandinika tsara ny lalànan'ny fahafahana tonga lafatra**

Mbola tohin'ny kisarisarin'ny lalàna izay toy ny fitaratra ihany io.

**lalànan'ny fahafahana tonga lafatra**

"ny lalàna tonga lafatra izay mamela ny olona ho afaka"

**ho tahiana amin'ireo asany izany olona izany**

Azo atao hoe DH: "Hitahy io lehilahy io Andriamanitra raha mankatoa ny lalàna izy"

**James 1:26****mihevi-tena ho mpivavaka**

"mihevitra fa mivavaka araka ny tokony ho izy"

**ny lelany**

Ny fifehezana ny lela dia ilazana ny fifehezana ny teny avoaka. DH: "izay lazainy"

**mamitaka**

"mandiso lalana"

**ny fony**

Eto ny "fo" dia ilazana ny finoany na ny eritreriny. DH: "ny tenany"

**tsy misy vidiny ny fivavahany**

"mivavaka amin'Andriamanitra amin'ny tsy misy dikany izy"

**fivavahana madio sy tsy misy pentina**

I Jakoba dia miresaka momba ny fivavahana sy ny fomba fivavahan'ny olona iray amin'Andriamanitra, toy ny hoe afaka ny ho madio sy tsy misy pentina izany. Ireo dia fomba filazan'ny Jiosy ny zavatra izay azo ekena eo amin'Andriamanitra. DH: "Azo ekena tanteraka"

**mpitondratena amin'ny fahorian'izy ireo**

Ireo vehivavy izay mijaly satria maty ny vadin'izy ireo.

**miaro ny tena mba tsy hisy pentina avy amin'izao tontolo izao**

tsy mamela ny ratsy eo amin'izao tontolo izao hahatonga ny olona iray hanota

---

## Chapter 2

<sup>1</sup> Ry rahalahiko, aza mihazona ny finoana an'i Tompontosika Jesosy Kristy, Ilay Tompon'ny voninahitra, amin'ny fiagarana amin'ny olona sasany. <sup>2</sup> Ataovy hoe misy olona miditra ao amin'ny fivoriana manao peratra volamena sy akanjo tsara, ary misy lehilahy mahantra ihany koa miditra manao akanjo maloto. <sup>3</sup> Raha mijery ilay olona miakanjo tsara ianao ary miteny hoe: "Azafady mitoera eto amin'ny toerana tsara," fa hiteny amin'ilay lehilahy mahantra kosa hoe: "Mitsangàna ianao ery," na hoe: "Mipetraha eto an-tongotro," <sup>4</sup> moa tsy mifampitsara aminareo ianareo? Moa tsy lasa mpitsara amin'ny eritreri-dratsy ianareo? <sup>5</sup> Mihainoa, ry rahalahy malalako, tsy efa nofidian' Andriamanitra ve ny mahantran'izao tontolo izao mba hanankarena amin'ny finoana sy mba ho mpandova ny fanajakana izay nampanantenainy ireo izay tia Azy? <sup>6</sup> Fa ianareo dia nanala baraka ny mahantra! Moa tsy ny mpanan-karena ve no mampahory anareo? Moa tsy ireo va no mitarika anareo ho eo amin'ny fitsarana? <sup>7</sup> Moa tsy izy ireo va no nanaratsy ny anarana tsara izay anareo? <sup>8</sup> Na izany aza, raha manatanteraka ny lalàn'ny mpanjaka ianareo, araky ny Soratra Masina hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao," dia manao ny tsara ianareo. <sup>9</sup> Fa raha manome sitraka ny olona sasany kosa ianareo, dia manota, ka voaheloka toy ny mpandika lalàna. <sup>10</sup> Fa na iza na iza mankatoa ny lalàna rehetra, kanefa lavo amin'ny lalana iray monja, dia ho meloka amin'ny lalàna rehetra. <sup>11</sup> Fa ilay niteny hoe: "Aza mijangajanga," dia niteny ihany koa hoe: "Aza mamono olona." Raha tsy mijangajanga ianareo, kanefa mamono olona, dia lasa mpandika lalàna. <sup>12</sup> Noho izany mitenena sy manaova tahaka ireo izay ho tsaraina amin'ny lalàn'ny fahafahana. <sup>13</sup> Fa ny fitsarana dia tonga tsy misy famindram-po amin'ireo izay tsy naneho famindram-po. Ary ny famindram-po dia mandresy ny fitsarana. <sup>14</sup> Inona no soa, ry rahalahiko, raha milaza ny olona iray fa manam-pinoana izy, kanefa tsy misy asa? Afaka hamonjy azy ve izany finoana izany? <sup>15</sup> Ataovy hoe misy rahalahy na anabavy ratsy fitafy sy tsy ampy sakafo isan'andro. <sup>16</sup> Ataovy hoe misy iray aminareo miteny amin'izy ireo hoe: "Mandehana ampiadanana, manaova mafana ary mivokisa." Raha tsy manome azy ireo ny zavatra ilainy ho an'ny vatana ianareo, inona no mahatsara izany? <sup>17</sup> Dia toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa izany, dia maty. <sup>18</sup> Nefa mety misy olona miteny hoe: "Manam- pinoana ianao, ary izaho manan'asa." Asehoy ahy ny finoanao tsy misy asa, dia hasehoko anao koa ny finoako amin'ny alalan'ny asako. <sup>19</sup> Ianao dia mino fa iray ihany ny Andriamanitra; tsara izany ataonao izany. Fa na ireo demonia aza mino izany, ka dia mangovitra izy ireo. <sup>20</sup> Tianareo ho fantatra ve, ry lehilahy adala, fa ny finonana tsy misy asa dia tsy misy ilaina azy? <sup>[1]</sup><sup>21</sup> Tsy tamin'ny asa koa ve no nanamarinana an'i Abrahama raintsika rehefa nanolotra an'Isaka zanany lahy teo amin'ny alitara izy? <sup>22</sup> Hitanao fa ny finoana dia niasa niaraka tamin'ny asany, ary amin'ny asa dia nivoatra tanteraka ny finoany. <sup>23</sup> Dia tanteraka ny Soratra Masina izay milaza hoe: "Abrahama nino an'Andriamanitra, ka nisaina taminy ho fahamarinana izany," ary izy nantsoina hoe sakaizan'Andriamanitra. <sup>24</sup> Hitanareo izao fa amin'ny asa no hanamarinana ny olona, fa tsy amin'ny finoana ihany. <sup>25</sup> Toy izany koa, Rahaba mpivaro-tena tsy nohamarinina tamin'ny asa koa ve izy, rehefa nandray ireo iraka sy nandefa azy ireo tamin'ny lalan-kafa? <sup>26</sup> Fa maty ny tena raha misaraka amin'ny fanahy, dia toy izany ihany koa, ny finoana tsy misy asa dia maty.

### Footnotes

2:20 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mamaky hoe: "Tianareo ho fantatra va, ry lehilahy adala, hoe nahoana ny finoana tsy misy asa no maty?"

### James 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy milaza amin'ireo mpino Jiosy izay niparitaka momba ny fiainana amin'ny fifankatiavana i Jakoba ary mampatsiahy azy ireo mba tsy hiangatra amin'ireo olona mpanan-karena manoloana ireo rahalahy mahantra.

#### Ry rahalahiko

Raisin'i Jakoba ho mpino Jiosy ireo mpamaky. DH: "Ry namako mpino" na "Ry rahalahiko sy anabaviko ao amin'i Kristy"

#### mihazona ny finoana an'i Tompontosika Jesosy Kristy

Ny finoana an'i Jesosy Kristy dia raisina toy ny hoe zavatra izay azon'ny olona iray hifikirana.



**Tompontsika Jesosy Kristy**

Tafiditra ao anatin'io mpisolo-tena tampisaka "-tsika" io i Jakoba sy ireo namany mpino.

**amin'ny fiangarana amin'ny olona sasany**

faniriana hanampy ny olona sasany mihoatra noho ny hafa

**Ataovy hoe misy olona**

Manomboka mamaritra toe-javatra izay mety hanomezan'ireo mpino haja ny mpanan-karena mihoatra noho ny olona mahantra i Jakoba.

**manao peratra volamena sy akanjo tsara**

"miakanjo tahaka ny olona mpanefofo"

**mitoera eto amin'ny toerana tsara**

hipetraka eto amin'ity fitoeran'ny manan-kaja ity

**Mitsangàna ianao ery**

mihisaka eny amin'ny toerana tsy manan-kaja

**Mipetraha eto an-tongotro**

mifindra eny amin'ny toerana mietry

**moa tsy mifampitsara aminareo ianareo? Moa tsy lasa mpitsara amin'ny eritreri-dratsy ianareo?**

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Jakoba mba hampianarana ary koa hibedesana ireo mpamaky. DH: "Mifampitsara eo aminareo ianareo ary lasa mpitsara manana fisainana ratsy"

**James 2:5****Mihainoa, ry rahalahy malalako**

Mananatra ireo mpamaky toy ny fianakaviana i Jakoba. "Mitandrema, ry namana mpino malalako"

**tsy efa nofidian' Andriamanitra ve ... tia Azy?**

Eto i Jakoba dia mampiasa fanontaniana fampisainana mba hampianarana ireo mpamaky tsy hiangatra. Azo atao teny tsotra io. DH: "efa nofidian'Andriamanitra ... tia Azy"

**ny mahantran'izao**

"ireo olo-mahantra"

**hanankarena amin'ny finoana**

Ny fananana finoana bebe kokoa dia raisina toy ny hoe olona mpanefofo na mpanan-karena. DH: "finoana mafy an'i Krsity"

**mpandova**

Ireo olona izay nanaovan'Andriamanitra ny fampanantenana dia raisina toy ny hoe handova tany sy harena avy amina olona iray ao amin'ny fiankaviana.

**Fa ianareo dia**

Miresaka amin'ny mpamaky rehetra i Jakoba.

**nanala baraka ny mahantra**

"nahamenatra ireo olo-mahantra ianareo"

**Moa tsy ny mpanan-karena ve no mampahory anareo?**

Eto i Jakoba dia mampiasa fanontaniana fampisainana mba hanitsiana ireo mpamaky. DH: "Ireo olona mpanan-karena no mampahory anareo."

**ny mpanan-karena**

Ireo olona mpanan-karena

**mampahory anareo**

'ratsy fitondrana aminareo"

**Moa tsy ireo va no ... fitsarana?**

Eto i Jakoba dia mampiasa fanontaniana fampisainana mba hanitsiana ireo mpamaky. Azo atao teny tsotra io. DH: "Ireo olona mpanan-karena no ... fitsarana."

**mitarika anareo ho eo amin'ny fitsarana**

"mitondra anareo an-keriny any amin'ny fitsarana mba hiampanga anareo eo anatrehan'ny mpitsara"

**moa tsy izy ireo ... anareo?**

Eto i Jakoba dia mampiasa fanontaniana fampisainana mba hanitsiana ireo mpamaky. Azo atao teny tsotra io. DH: "ireo olona mpanan-karena ... anareo."

**ny anarana tsara**

"ny anaran'i Kristy." Fomba ilazana ny anaran'i Kristy io. DH: "Kristy, izay anareo"

**izay anareo?**

"izay hamantarana anareo"

**James 2:8****raha manatanteraka**

Manondro ireo mpino Jiosy io.

**manatanteraka ny lalàn'ny mpanjaka**

"mankatoa ny lalàn'Andriamanitra." Tany am-boalohany dia nomen'Andriamanitra an'i Mosesy ny lalàna, izay voarakitra ao amin'ny bokin'ny Testamenta Taloha.

**Tiava ny namananao tahaka ny tenanao**

Mamerina ny teny avy ao amin'ny bokin'ny Levitikosy i Jakoba.

**ny namananao**

"ny olon-drehetra"

**dia manao ny tsara ianareo**

"manao ny mety ianareo"

**Fa raha manome sitraka**

"miangatra" na "manome haja"

**dia manota**

Izany hoe, mandika lalàna.

**voaheloka toy ny mpandika lalàna.**

Eto ny lalàna dia raisina toy ny hoe mpitsara araka ny nofo. DH: "meloka nohon'ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra"

**James 2:10****kanefa lavo amin'ny lalana iray monja ... lalàna rehetra**

Ny hoe lavo dia mianjera raha mbola miezaka ny handeha. Ny tsy fankatoavana ny lalana iray dia raisina ho toy ny fahalavoana eo am-pandehana.

**amin'ny lalana iray monja**

nohon'ny tsy fankatoavana ny fitakiana iray monja ao amin'ny lalàna

**Fa ilay niteny hoe**

Ilazana an'Andriamanitra nanome ny lalàna an'i Mosesy io.

**Raha ... kanefa ... dia**

Na dia nanoratra ho ana mpino Jiosy maro aza i Jakoba, eto izy dia toa manoratra ho an'ny olona tsirairay.

**James 2:12****Noho izany mitenena sy manaova**

"Koa tsy maintsy miteny ary mankatoa." Mandidy ireo olona hanao izany i Jakoba.

**izay ho tsaraina amin'ny lalàn'ny fahafahana**

Azo atao hoe DH: "izay mahafantatra fa Andriamanitra dia hitsara azy ireo amin'ny lalàn'ny fahafahana"

**amin'ny lalàn'ny**

Misy hevitra ambadika io teny io fa Andriamanitra no hitsara araka ny lalàny.

**lalàn'ny fahafahana**

"ny lalàna izay manome fahafahana marina"

**ny famindram-po dia mandresy**

"Tsara kokoa ny famindram-po noho ny" na "Ny famindram-po dia maharesy ny." Eto ny famindram-po sy ny fahamarinana dia raisina toy ny hoe olona.

**James 2:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mampahery ireo mpino niparitaka i Jakoba mba hampiseho ny finoan'izy ireo eo anatrehan'ny hafa, tahaka ny nampisehoan'i Abrahama ny finoany tamin'ny hafa.

**Inona no soa, ry rahalahiko, raha milaza ny olona iray fa manam-pinoana izy, kanefa tsy misy asa?**

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Jakoba mba hampianarana ny mpamaky. DH: "Tsy mahaso akory, ry mpino namako, raha milaza fa manana finoana ny olona iray, kanefa tsy misy asa."

**manam-pinoana**

Resahin'i Jakoba toy ny zavatra mivaingana ny finoana an'Andriamanitra.

**tsy misy asa**

Resahin'i Jakoba toy ny zavatra mivaingana ny asa, toy ny fanaovana asa soa.

**Afaka hamonjy azy ve izany finoana izany?**

Raisin'i Jakoba toy ny hoe misy hery manokana afaka mamonjy olona ny finoana an'Andriamanitra. Ny hevitra ambadin'izany dia hoe tsy ampy ny finoana. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "Tsy afaka hamonjy azy ny finoana"

**hamonjy azy**

"hanafaka azy amin'ny fitsaran'Andriamanitra"

**manaova mafana**

Ny dikan'izany dia "manana fitafy ampy hanaovana" na "manana toerana hatoriana."

**mivokisa**

"mihinana izay sahaza"

**ho an'ny vatana**

Mihinana, mitafy, ary miaina finaritra

**inona no mahatsara izany?**

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Jakoba mba hampianarana ireo mpamaky. DH: "tsy tsara izany"

**ahalaky na anabavy**

Ireo namana mpino ao amin'i Kristy, na lahy na vavy.

**ny finoana ... dia maty**

Raisin'i Jakoba ho toy ny velona ny finoana ary manao asa tsara, ary ny finoana iray dia maty rehefa tsy manao asa tsara.

**ny finoana ... misy asa**

Resahina toy ny hoe olona manao asa tsara ny finoana.

**James 2:18****Nefa mety misy olona miteny hoe**

Mamaritra toe-javatra izay mbola tombatombana izay hanoheran'ny olona ny fampianarany i Jakoba. Mikatsaka ny hanitsy ny fahatakarana ireo mpamaky ny amin'ny finoana sy ny asa izy.

**Manam- pinoana ianao, ary izaho manan'asa**

"Azo ekena raha manam-pinoana ny olona iray ary ny iray hafa manao asa tsara." Manazava ny fomba mety hifandiran'ny olona iray hanohitra ny fampianarany i Jakoba.

**hasehoko anao koa ny finoako amin'ny alalan'ny asako**

I Jakoba dia miresaka momba ny finoana toy ny hoe hita izany rehefa manao asa tsara ny olona iray. DH:

"Hampiseho ny finoako amin'ny alalan'ny asa tsara aho"

**Manam- pinoana ianao, ary izaho manan'asa ... Aseho ahy ny finoanao**

Miresaka momba ny finoana sy ny asa toy ny hoe zavatra izay mety hananan'ny olona iray ary hasehony amin'ny hafa i Jakoba.

**Fa na ireo demonia aza mino izany, ka dia mangovitra izy ireo**

"mino koa ireo demonia, fa mihovitrovitra amin-tahotra izy ireo." Oharin'i Jakoba amin'ireo izay milaza fa mino kanefa tsy manao asa tsara ny demonia. Ambaran'i Jakoba fa hendry kokoa ireo demonia satria matahotra an'Andriamanitra izy ireo raha tsy matahotra kosa ny hafa.

**Tianareo ho fantatra va, ry lehilahy adala, fa ny finonana tsy misy asa dia tsy misy ilaina azy?**

Ity dia fanontaniana fampisainana izay ampiasaina mba hibedesana ny olona izay tsy hihaino an'i Jakoba. DH: "Ry adala! Ny tsy fetezanareo hihaino ahy dia manaporofo fa tsy misy ilaina azy ny finoana tsy misy asa."

**Tianareo ho fantatra ... tsy misy ilaina azy?**

Mametraka ity fanontaniana ity i Jakoba mba hanehoana ny fampianarany manaraka. DH: "Hampisehoko aminareo, ... tsy misy ilaina azy."

## James 2:21

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Satria izy ireo dia Mpino Jiosy, dia nahafantatra ny tantaran'i Abrahama, izay nambaran'Andriamanitra tamin'izy ireo hatry ny ela tamin'ny teniny.

**Tsy tamin'ny asa koa ve no nanamarinana an'i Abrahama raintsika**

Ity fanontaniana fampisainana ity dia ampiasaina mba hanoherana ny tenin'ilay lehilahy adala ao amin'ny 2:18, izay mandà tsy hino fa miara-miasa ny finoana sy ny asa. DH: "Abrahama raintsika dia nohamarinina tokoa"

**Tsy tamin'ny asa koa ve no nanamarinana**

Resahin'i Jakoba toy ny hoe zavatra azo atao fananana ny asa. DH: "voamariana tamin'ny fanaovana asa tsara"

**raintsika**

Eto ny "ray" dia ilazana ny hoe "razambe"

**Hitanareo**

Manondro olona iray mbola tsy fantatra io. Miresaka amin'ny mpamaky rehetra toy ny hoe olona iray ihany i Jakoba.

**Hitanao**

DH: "fantaro"

**ny finoana dia niasa niaraka tamin'ny asany**

I Jakoba dia miresaka ny amin'ny finoana toy ny hoe manao asa tsara izany. Ny finoan'i Abrahama

an'Andriamanitra nanoloana an'i Isaka no nahavitan'i Anbrahama nankatoa an'Andriamanitra na dia sarotra aza izany. Tamin'ny fankatoavana an'Andriamanitra, dia nihamatotra ny finoan'i Abrahama.

**ary amin'ny asa dia nivoatra tanteraka ny finoany**

Ny fahatokian'i Abrahama an'Andriamanitra dia raisina toy ny zavatra izay afaka amboarina ho tonga amin'ny endriny tsara indrindra mba hahatanterahany ny tanjony. DH: "satria nankatoa an'Andriamanitra i Abrahama, dia nanjary nahatoky Azy tanteraka"

**tanteraka ny Soratra Masina**

Azo atao hoe DH: "ahatanteraka ny Soratra Masina izany"

**nisaina taminy ho fahamarinana izany**

"noraisin'Andriamanitra ho fahamarinana ny finoany." Ny finoana sy fahamarinan'i Abrahama dia noraisina ho toy ny hoe afaka ny homen-danja izany.

**Hitanareo**

Miresaka amin'ireo mpamaky mivantana indray i Jakoba.

**amin'ny asa no hanamarinana ny olona, fa tsy amin'ny finoana ihany**

"ny asa sy ny finoana no manamarina ny olona iray, fa tsy finoana ihany." Resahin'i Jakoba toy ny hoe zavatra azo atao fananana.

## James 2:25

**Toy izany koa ... nohamarinina tamin'ny asa**

Milaza ny nahamarina an'i Abrahama i Jakoba ary ny nahamarina an'i Rahaba ihany koa. Izy ireo dia samy nohamarinina tamin'ny asa.

**Rahaba mpivaro-tena tsy nohamarinina tamin'ny asa koa ve izy ... lalan-kafa?**

Mampiasa ity fanontaniana fampisainana ity i Jakoba mba hampianarana ny mpamaky. DH: "izay nataon'i Rahaba mpivaro-tena no nanamarina azy ... lalan-kafa."

**Rahaba mpivaro-tena**

Ilay vehivavy antsoina hoe Rahaba ao amin'ny tantaran'ny Testamenta Taloha no andrasan'i Jakoba mba ho fantatry ny mpamaky.

**nohamarinina tamin'ny asa**

Miresaka momba ny asa toy ny hoe zavatra zao atao ho fananana i Jakoba.

**ireo iraka**

Resahin'i Jakoba toy ny hoe zavatra azo atao fananana ny asa.

**nandefa azy ireo tamin'ny lalan-kafa**

"ary avy eo nanampy azy ireo handositra ny tanàna"

**Fa maty ny tena raha misaraka amin'ny fanahy, dia toy  
izany ihany koa, ny finoana tsy misy asa dia maty**  
Resahin'i Jakoba toy ny hoe vatana maty tsy misy  
fanahy ny finoana tsy arahan'asa.

---

## Chapter 3

<sup>1</sup> Tsy olona maro no tokony ho lasa mpampianatra, ry rahalahiko. Fantantsika fa handray fitsarana mafy kokoa isika. <sup>2</sup> Fa isika rehetra dia tafintohina amin'ny fomba maro. Raha misy tsy tafintohina amin'ireo teny, dia lehilahy matotra tanteraka izy, afaka mifehy na dia ny tenany iray manontolo aza. <sup>3</sup> Ary raha asiantsika lamboridy eo ambavan'ireo soavaly mba hankatoavan'izy ireo antsika, dia afaka mitondra ny vatan'izy ireo iray manontolo ihany koa isika. <sup>4</sup> Jereo ihany koa fa ireo sambo, na dia lehibe tokoa aza izy ireny ary entin'ny rivo-mahery, dia voavilin'ny familiana tena kely any amin'izay rehetra tian'ny mpanamory. <sup>5</sup> Toy izany koa ny lela dia rantsana kely amin'ny vatana, kanefa izy dia mihambo zavatra betsaka. Jereo ihany koa ny hakelin'ny afo izay mandoro ala be. <sup>6</sup> Ny lela ihany koa dia afo, tontolon'ny fahotana napetraka teo amin'ny ratsam-batantsika. Izany dia manisy pentipentina ny vatana iray manontolo ary mandoro ny lalam-piainana. Arehitrin'ny helo ny tenany. <sup>7</sup> Fa ny karazam-bibidia rehetra, vorona, biby mandady, ary zava-boaharin-dranomasina dia folaka ary nofolahin'ny olombelona. <sup>8</sup> Fa momban'ny lela, tsy misy olona mahavita mamolaka izany. Io dia ratsy tsy hay fehezina, feno poizina mahafaty. <sup>9</sup> Amin'io no hiderantsika ny Tompo sy ny Ray, ary amin'io no hanozonantsika olona, izay natao nitovy tamin'Andriamanitra. <sup>10</sup> Avy amin'izany vava izany ihany no hivoahan'ny fitahiana sy fanozonana. Ry rahalahiko, tsy tokony hitranga ireo zavatra ireo. <sup>11</sup> Moa ny loharano va mamoka rano mamy sy mangidy avy amin'ny fivoahany? <sup>12</sup> Moa ny hazon'ny aviavy va, ry rahalahiko, mamoa oliva? Na ny voaloboka, mamoa aviavy? Ny rano masira koa dia tsy afaka hanome rano mamy. <sup>13</sup> Iza no hendry sy mahalala eo anivonareo? Avelao izany olona izany hampiseho fiainana tsara amin'ny asany amin'ny fanetren-tenan'ny fahendrena. <sup>14</sup> Fa raha manana fialonana mangidy ianareo ary fanirian-daza ao amponareo, dia aza mihambo na mandainga manohitra ny marina. <sup>15</sup> Izany dia tsy fahendrena izay nidina avy any ambony. Fa kosa, avy amin'ny tany, ny tsy ara-panahy, ny demoniaka izany. <sup>16</sup> Fa any amin'izay misy fialonana sy fanirian-daza, dia misy fifanjevona sy fanaovana ny ratsy rehetra. <sup>17</sup> Fa ny fahendrena avy any ambony dia madio aloha, avy eo feno fiadanana, malemy fanahy, mihevitra ny hafa, feno famindram-po sy vokatra tsara, tsy malemy, ary tsotra. <sup>18</sup> Ny vokatra ny fahamarinana dia voafafy ampiadanana eo anivon'ireo izay mampihavana.

### James 3:1

#### Tsy olona maro

"Tsy maro aminareo." Miresaka amin'ny olona amin'ny olona amin'ny ankapobeny i Jakoba.

#### ry rahalahiko

"ry mpino namako"

#### fa handray fitsarana mafy kokoa isika

Ity andalana ity dia miresaka ny amin'ny fitsarana mafimafy kokoa avy amin'Andriamanitra ho an'ireo izay mpampianatra ny hafa momba Azy. DH: "Hitsara antsika mafimafy kokoa Andriamanitra satria mahafantatra ny teniny tsara kokoa noho ireo hafa izay nampianarintsika isika"

#### fa handray

Havondron'i Jakoba ireo izay mpampianatra ny soratra masina miaraka aminy. Na dia te ho mpampianatra ny soratra masina aza ny sasany amin'ireo izay handray ity taratasy ity, dia tsy ho izany ny ankamaroany.

#### Fa isika rehetra dia tafintohina

Raha ny mahakasika ny hoe "isika," dia averin'i Jakoba ampidirina ao indray ireo mpamaky rehetra.

#### tafintohina

Ny fahotana dia resahina toy ny hoe tafintohina eo am-pandehanana. DH: "lavo" na "manota"

#### tsy tafintohina amin'ireo teny

"tsy manota amin'ny fitenenana zavatra ratsy"

#### lehilahy matotra tanteraka izy

"matotra ara-panahy izy"

#### mifehy na dia ny tenany iray manontolo aza

Maneho ny fo, fihetsem-po ary asan'ny olona iray i Jakoba. DH: "mifehy ny toetrany" na "mifehy izay ataony"

### James 3:3

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Mamakafaka hevitra momba ireo zavatra kely mifehy zavatra lehibe i Jakoba.

#### Ary raha asiantsika lamboridy eo ambavan'ireo soavaly

Miresaka momba ny lamboridin-tsoavaly i Jakoba. Ny lamboridy dia tapa-by kely izay apetraka eo amin'ny vavan'ny soavaly mba hibaikoana izay alehany.

#### Ary raha

"Raha" na "Rehefa"

**soavaly**

Ny soavaly dia biby lehibe izay ampiasaina hitondrana zavatra na olona.

**Jereo ihany koa fa ireo sambo ... voavilin'ny familiana tena kely**

Ny familiana dia vy fisaka ao aorian'ny sambo izay ampiasaina mba hibaikoana izay alehan'ny sambo. Ny teny hoe "familiana" dia azo adika ihany koa hoe "fitaovana."

**entin'ny rivo-mahery**

Azo atao hoe DH: "rehefa atosiky ny rivo-mahery"

**dia voavilin'ny familiana tena kely any amin'izay rehetra tian'ny mpanamory**

"misy fitaovana kely izay azon'ny olona ampiasaina mba hibaikoana izay alehan'ny sambo"

**James 3:5****Toy izany koa**

Io teny io dia manamarika ny fanoharana momba ny lela sy ny lamboridin-tsoavaly ary ny familiana-tsambo voalaza teo amin'ny andininy teo aloha. DH: "Mitovy amin'izany koa"

**mihambo zavatra betsaka**

Eto ny hoe "zavatra" dia teny amin'ny ankapobeny ilazana ny zavatra rehetra mampirehareha ireo olona ireo.

**Jereo ihany koa**

"Hevero"

**ny hakelin'ny afo izay mandoro ala be**

Mba hanampiana ny olona hahatakatra ny loza mety ho vitan'ny lela, dia miresaka momba ny loza mety ho vitan'ny afo kely i Jakoba. DH: "ny hakelin'ny afo izay mirehitra ka mandoro hazo maro"

**Ny lela ihany koa dia afo**

Ny lela dia ilazana izay lazain'ny olona. Antsoin'i Jakoba hoe afo izany nohon'ny fahasimbana lehibe izay mety haterany. DH: "Toy ny afo ny lela" na "Izay lazain'ny olona dia mety hiteraka olona goavana toy ny afo"

**tontolon'ny fahotana napetraka teo amin'ny ratsam-batantsika**

Ny voka-dratsy goavana hateraky ny teny feno fahotana dia raisina toy ny hoe tontonlo mihitsy.

**Izany dia manisy pentipentina ny vatana iray manontolo**

Ny teny feno fahotana dia sarin-teny toy ny hoe manisy tasy ny vatan'olona iray. Ary ny hoe tsy azo ekena eo amin'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe misy loto eo amin'ny vatana.

**lalam-piainana. Arehitrin'ny helo ny tenany**

Ny teny hoe "tenany" dia maneho ny lela. Ary koa, ny hoe "helo" eto dia maneho ny herin'ny ratsy na

ny devoly. Azo atao hoe DH: "lalam-piainana satria ampiasain'ny devoly ho amin'ny ratsy izany"

**James 3:7****Fa ny karazam-bibidia rehetra ... olombelona**

Ny teny hoe "karazana" dia ilazana ny bibidia rehetra na karazany maro. Azo adika hoe DH: "Nianatra nifehy ireo karazam-bibidia, vorona, biby mandady, ary hazan-dranomasina maro ny olona"

**biby mandady**

Biby mikisaka amin'ny tany.

**zava-boaharin-dranomasina**

Biby velona any anaty ranomasina.

**Fa momban'ny lela, tsy misy olona mahavita mamolaka izany**

Oharin'i Jakoba amin'ny bibidia ny lela. Eto ny "lela" dia maneho ny fanirian'ny olona hilaza fisainan-dratsy.

**ratsy tsy hay fehezina**

Raisina ho toy ny mitovy amin'ny ratsy, izay tsy misy afaka mifehy ny lela. Maneho ny fanirian'ny olona hanambara fisainan-dratsy io.

**feno poizina mahafaty**

Oharin'i Jakoba amin'ny bibilava na zava-maniry misy poizina ny fahafahan'ny olona iray miteny. Ny poizina no loza hateraky ny teny eo amin'ny olona iray.

**James 3:9****Amin'io no hiderantsika**

"ny lela no ampiasaintsika hilazana teny izay"

**hanozonantsika olona**

Ny atao hoe manozona dia magataka an'Andriamanitra hamely ny hafa.

**izay natao nitovy tamin'Andriamanitra**

Azo atao hoe DH: "Izay namboarin'Andriamanitra hitovy aminy"

**Avy amin'izany vava izany ihany no hivoahan'ny fitahiana sy fanozonana**

Oharina amin'ny zavatra mivoaka avy amin'ny vavan'ny olona iray ny teny izay mitondra fitahiana na ozona.

**Ry rahalahiko**

"Ry kristiana namako"

**tsy tokony hitranga ireo zavatra ireo**

"tsy mety izany"

**James 3:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Taorian'ny nanindrian'i Jakoba fa ny tenin'ny mpino dia tsy tokony ho sady fitahiana no ho ozona, dia

manome ohatra avy amin'ny natiora izy mba hampianarana ireo mpamaky fa ny olona izay manome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny fiderana Azy dia tokony hiaina araka ny mety ihany koa.

**Moa ny loharano va mamoka rano mamy sy mangidy avy amin'ny fivoahany?**

Mampiasa fanontaniana fampisainana i Jakoba mba hampatsiahivana ireo mpino momba izay mitranga eo amin'ny natiora. DH: "Ny loharano dia tsy mamoka rano mamy no sady mamoka rano mangidy."

**ry rahalahiko**

"Ry mpino namako"

**Moa ny hazon'ny aviavy va, ry rahalahiko, mamoa oliva? Na ny voaloboka, mamoa aviavy?**

Mbola mampiasa fanontaniana fampisainana ihany i Jakoba mba hampatsiahivana ireo mpino momba izay mitranga eo amin'ny natiora. DH: "Ny hazon'aviavy tsy afaka mamoa oliva, na ny voaloboka tsy afaka mamoa aviavy."

**James 3:13**

**Iza no hendry sy mahalala eo anivonareo?**

Mampiasa io fanontaniana io i Jakoba mba hampianarana ireo mpamaky momba ny toetra mety. Ny teny hoe "hendry" sy "mahalala" eto dia mitovy. DH: "Hilaza aminareo ny amin'ny fomba tokony ataon'ny olona hendry sy mahalala aho"

**hampiseho fiainana tsara**

Mazava ho azy fa ny asa eto dia oharina amina zavatra izay afaka ampisehon'ny olona iray ny hafa. DH: "mampiharihary fiainana tsara"

**amin'ny asany amin'ny fanetren-tenan'ny fahendrena**  
"amin'ny asa tsara sy ny fanetren-tena no hiavian'ny tena fahendrena marina"

**fialonana mangidy ianareo ary fanirian-daza ao am-ponareo**

Ny teny hoe "am-ponareo" dia ilazana ny fiheteham-po na ny eritreritra. DH: "maniry mafy izay hananan'ny olona iray na hiainany, ary mitady ny tombontsoanareo manokana ka tsy miraharaha ny an'ny hafa ianareo"

**fialonana mangidy ianareo ary fanirian-daza**

Oharina amina zavatra izay mety hisy ao anatin'ny olona iray ireo fihetseham-po ireo. Ny fanirian-daza eto dia ilazana ny faniriana ny ho lasa lavitra mihoatra ny olona hafa.

**aza mihambo na mandainga manohitra ny marina**

"aza maniratsira ny marina amin'ny fandaingana hoe mirehareha amin'izany"

**James 3:15**

**Izany dia tsy**

Ny hoe "izany" dia manondro ireo "fialonana mangidy sy fanirian-daza" voalaza teo amin'ireo andininy teo aloha.

**fahendrena izay nidina avy any ambony**

Ny hatsaran'ny fahendrena avy any ambony dia oharina amin'ny zavatra izay nalefan'Andriamanitra avy any an-danitra.

**ambony**

Eto ny "ambony" dia ilazana an'Andriamanitra.

**avy amin'ny tany**

Ny teny hoe "avy amin'ny tany" dia maneho ny lanja sy toetran'ny olona izay tsy manaja an'Andriamanitra. DH: "tsy manaja an'Andriamanitra"

**tsy ara-panahy**

"tsy avy amin'ny Fanahy Masina"

**demoniaka**

"avy amin'ny demonia"

**Fa any amin'izay misy fialonana sy fanirian-daza**

Eto ny hoe "fialonana" dia maneho ireo faniriana ny hanana sy hiaina izay hananan'ny olona sy hataon'izy ireo, ary ny fanirian-daza dia maneho ny fikatsahana ny hahazo tombontsoa ka tsy miraharaha ny an'ny hafa.

**misy fifanjevona**

"misy korontana"

**fanaovana ny ratsy rehetra**

"ireo karazana toetra ratsy rehetra" na "ireo karazana asa ratsy rehetra"

**madio aloha**

"masina aloha"

**mihevitra ny hafa**

miraharaha ny olona hafa

**vokatra tsara**

Oharina amin'ny voankazo eny ambony hazo ny asa tsara. DH: "asa tsara"

**tsotra**

"marina"

**Ny vokatry ny fahamarinana dia voafafy am-piadanana eo anivon'ireo izay mampihavana**

Oharina amin'ny vokatra izay nafafin'ny mpamboly ny voka-tsoan'ny fahamarinana. DH: "Ireo izay miaina am-pihavanana dia manao izay lazain'Andriamanitra fa tsara"

**mampihavana**

"miaina amim-pihavanana." DH: "mahatonga ny  
hiaina amim-piahavanana"

---



## Chapter 4

<sup>1</sup> Avy aiza no niavian'ireo ady sy ireo fifandirana eo aminareo? Moa va ireo tsy avy amin'ny fanirianareo izay miady amin'ny mpikambana eo anivonareo? <sup>2</sup> Maniry ianareo, nefa tsy manana. Mamono sy mitsiriritra ianareo, nefa tsy afaka ny ahazo. Miady sy mifanditra ianareo. Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. <sup>3</sup> Mangataka ianareo nefa tsy mahazo satria ratsy fangataka, mba hahafahanareo mampiasa izany ho amin'ny fanirianareo. <sup>4</sup> Ianareo ry Mpijanganjanga! Moa tsy fantatrareo ve fa ny fisakaizana amin'izao tontolo izao dia fandrafiana manohitra an'Andriamanitra? Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao dia manao ny tenany ho fahavalon'Andriamanitra. <sup>5</sup> Sa ianareo va mieritreritra fa ny Soratra Masina dia miteny zava-poana hoe: "Ny Fanahy izay nataony niaina tao amintsika dia saro-piaro loatra"? <sup>6</sup> Fa Andriamanitra manome fahasoavana bebe kokoa, noho izany dia hoy ny soratra masina hoe: "Andriamanitra manohitra ny mpirehareha, fa manome fahasoavana ny mpanetry tena" <sup>7</sup> Ka maneke an'Andriamanitra. Tohero ny devoly, dia handositra anareo izy. <sup>8</sup> Manakaikeza an'Andriamanitra, dia hanakaiky anareo izy. Diovy ny tananareo, ry mpanota, ary diovy ny fonareo, ry mpiroa saina. <sup>9</sup> Malahelova, misaonà, ary mitomania! Aoka ny fiomehezanareo hody fitomaniana, ary ny fifalianareo ho fanjoretana. <sup>10</sup> Manetre-tena eo anatrehan'ny Tompo, dia hanandratra anareo izy. <sup>11</sup> Aza mifanaratsy ianareo, ry rahalahy. Ny olona izay manaratsy ny rahalahy na mitsara ny rahalahiny dia manohitra ny lalàna ary mitsara ny lalàna. Raha mitsara ny lalàna ianareo, dia tsy mpankàto ny lalàna, fa mpitsara. <sup>12</sup> Iray ihany no manome lalàna sy mitsara. Izy ilay iray afaka mamonjy sy mandringana. Iza moa ianao, izay mitsara ny namanao? <sup>13</sup> Koa mihainoa, ianareo izay miteny hoe: "Anio na rahampitso hiditra ato amin'ity tanàna ity isika, hijanona herintaona any, hanao varotra, ary haka tombony." <sup>14</sup> Iza no mahalala izay hitranga rahampitso, ary inona ny fiainanareo? Fa zavona mipoitra vetivety ianareo ary avy eo dia levona. <sup>15</sup> Fa kosa, tokony hilaza ianareo hoe: "Raha sitraky ny Tompo, dia ho velona isika ary hanao an'itsy na hanao an'iroa." <sup>16</sup> Fa ankehitriny ianareo dia mirehareha amin'ireo tetika mieboebo. Ny fireharehana rehetra tahak'izany dia ratsy. <sup>17</sup> Ka ho an'izay rehetra mahalala manao ny tsara nefa tsy manao izany, dia heloka ho azy izany.

### James 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mananatra ireo mpino ireo i Jakoba noho ny amin'ny fiainan'izy ireo araka ny fanaon'izao tontolo izao sy ny tsy fananan'izy ireo fanetren--tena. Mamporisika azy ireo indray izy mba hitandrina ny amin'ny fomba fifampiresahan'izy ireo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto amin'ny ampahan y iray ity, ny teny hoe "ianareo" dia manondro ireo mpino izay nanoratan'i Jakoba avokoa.

#### Avy aiza no niavian'ireo ady ... fifandirana

Ny teny hoe "ady" sy "fifandirana" dia mitovitovy hevitra ihany. Ampiasain'i Jakoba ireo mba hanindriana fa miresaka momba izay karazana ady rehetra misy eo amin'ny olona izy.

#### ady sy ireo fifandirana

Ireo fihetika ireo dia raisina toy ny hoe zavatra avy amina toerana samihafa.

#### Moa va ireo tsy avy amin'ny fanirianareo izay miady

Mampiasa io fanontaniana io i Jakoba mba hananarana ireo mpamaky. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "Satria manana fanirian-dratsy ianareo" na "satria maniry ny hanao zavatra ratsy ianareo"

#### Moa va ireo tsy avy amin'ny fanirianareo izay miady amin'ny mpikambana eo anivonareo?

Raisin'i Jakoba toy ny hoe fahavalo izay mahatonga ady eo amin'ireo mpino ny faniriana. Amin'ny tena izy, mazava ho azy fa ireo olona manana ireo faniriana ireo no mifampiady. DH: "Maniry zava-dratsy ianareo, ary ny mifandratra no hiafaranareo"

#### mpikambana eo anivonareo

Ireo mety ho dikany dia 1) misy ady eo amin'ireo mpino teo an-toerana, na 2) ny ady, izany hoe: fifandirana, dia ao anatin'ny mpino tsirairay.

#### Mamono sy mitsiriritra ianareo, nefa tsy afaka ny ahazo

Ny andian-teny hoe "mamono ianareo" dia maneho ny faharatsian'ny toetran'ny olona mba hahazoana izay tian'izy ireo. Azo adika hoe: "Manao ireo karazana zava-drasty rehetra ianareo mba hahazoana izay tsy azonareo"

#### Miady sy mifanditra ianareo

Ny teny hoe "miady" sy "mifanditra" dia mitovitovy hevitra ihany. Ampiasain'i Jakoba ireo mba hanindriana ny fiadiana eo amin'ny olona. DH: "Miady foana ianareo"

#### ratsy fangataka

Ireo mety ho dikany dia 1) "Ny anton'ny fangatahanareo dia tsy mety" na "mangataka

amin'ny toetra ratsy ianareo" na 2) "diso fangataka ianareo" na "mangataka zavatra ratsy ianareo"

#### James 4:4

##### Ianareo ry Mpijanganjanga!

Oharin'i Jakoba amina vehivavy miara-mandry amina lehilahy hafa fa tsy ny vadiny ireo mpino. DH: "Tsy mandrafy an'Andriamanitra ianareo!"

##### Moa tsy fantatrarao ve ... Andriamanitra?

Mampiasa io fanontaniana io i Jakoba mba hampianarana ny mpamaky. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "Fantatrarao ... Andriamanitra!"

##### fisakaizana amin'izao tontolo

Ity andian-teny ity dia ilazana ny fanarahana ny soa-toavina sy toetran'izao tontolo izao.

##### fisakaizana amin'izao tontolo

Ny rafitry ny soa-toavin'izao tontolo izao dia oharina amin'ny olona iray izay azon'ny olona hafa atao namana.

##### ny fisakaizana amin'izao tontolo izao dia fandrafiana manohitra an'Andriamanitra

Ny fisakaizana amin'izao tontolo izao dia midika fa fahavalon'Andriamanitra ny olona iray. Eto ny "fisakaizana amin'izao tontolo izao" dia ilazana ny olona sakaizan'izao tontolo izao, ary ny "fandrafiana manohitra an'Andriamanitra" dia ilazana ireo olona mandrafy an'Andriamanitra. DH: "ireo sakaizan'izao tontolo izao dia fahavalon'Andriamanitra"

##### Sa ianareo va mieritreritra fa ny Soratra Masina dia miteny zava-poana

Io dia fanontaniana fampisainana izay ampiasain'i Jakoba hananarana ireo mpamaky. Ny miteny zava-poana dia miteny amin'ny tsy misy dikany. DH: "Misy antony ny nilazan'ny soratra masina fa"

##### Ny Fanahy izay nataony niaina tao amintsika

Ao amin'ny dikan-teny sasany, ao anatin'izany ny UDB sy ny ULB, dia raisina hoe Fanahy Masina io. Ao amin'ny dikan-teny hafa kosa dia misy mandika izany hoe "ny fanahy" mba hilazana ny fanahin'olombelona izay nahariana ny olona tsirairay avy.

#### James 4:6

##### Fa Andriamanitra manome fahasoavana bebe kokoa

Azo atao mazava ny fifandraisan'ity fehezanteny ity amin'ilay andininy teo aloha: "Fa, na dia mety haniry izay tsy ho azontsika aza ny fanahintsika, dia manome fahasoavana miambiampy Andriamanitra, raha manetri-tena isika"

##### manome fahasoavana bebe kokoa

Raisina toy ny hoe zavatra mivaingana azo omena ny fahasoavana.

##### ny mpirehareha

"ireo olona mieboebo"

##### ny mpanetry tena

"ireo olona manetri-tena"

##### Ka

"Noho izany"

##### maneke an'Andriamanitra

"mankatoava an'Andriamanitra"

##### Tohero ny devoly

"Aza manao izay tian'ny devoly"

##### anareo

Manondro ireo mpamakin'i Jakoba io mpisolo-tena io.

#### James 4:8

##### Fampahafantarana amin'ny nakapobeny:

Ny teny hoe "ianareo" eto dia manondro ireo mpino niparitaka izay nanoratan'i Jakoba.

##### Manakaikeza an'Andriamanitra, dia hanakaiky anareo izy

Eto ny hevitra ny hoe manakaiky dia ilazana hoe marina sy misokatra amin'Andriamanitra.

##### Diovy ny tananareo

Io fomba fiteny io dia baiko ho an'ny olona mba hanao asa marina fa tsy asa tsy marina. DH: "Manàna toetra izay manaja an'Andriamanitra"

##### diovy ny fonareo

Eto hy "fo" dia ilazana ny saina sy fihetsehampon'ny olona iray. DH: "manajà an'Andriamanitra amin'ny sainareo"

##### mpiroa saina

Ny teny hoe "mpiroa saina" dia ilazana ny olona izay tsy mahavita mandray fanapahan-kevitra entitra momba ny zavatra iray. DH: "ireo olona mpiroa-saina" na "ry olona tsy mahavita manapa-kevitra raha te hankatoa an'Andriamanitra ianareo na tsia"

##### Malahelova, misaonà, ary mitomania

Ireo teny telo ireo dia mitovy hevitra. Miaraka ampiasain'i Jakoba ireo mba hanindriana fa tokony halahelo tokoa ny olona nohon'ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra. Ambaran'i Jakoba toy ny hoe baiko izany eto.

##### Aoka ny fiomehezanareo hody fitomaniana, ary ny fifalianareo ho fanjoretana

Mitovy ihany ny zavatra ambaran'io saingy amin'ny fomba samihafa mba hanamafisana. Ny fiomehezana dia raisina toy ny zavatra izay azo avadika ho alahelo. Tahaka izany ihany koa ny amin'ny fifaliana sy ny fanjoretana. DH: "Atsaharo avy hatarany ny fiomehezanareo ary manomboha milaza amin'Andriamanitra ny fifonanareo"

**Manetre-tena eo anatrehan'ny Tompo**

"Mietre eo anatrehan'Andriamanitra." Ny fihetsika atao amin'Andriamanitra any an-tsaina dia raisina toy ny hoe fihetsika atao amin'ny fanatrehany.

**hanandratra anareo Izy**

Ny fanomezan'Andriamanitra voninahitra ny olona manetri tena dia ataon'i Jakoba toy ny hoe ho sintonin'Andriamanitra hiala amin'ny tany mihitsy ilay olona.

**James 4:11**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Manondro ireo mpino izay nanoratan'i Jakoba avaokoa ny "ianareo" ato amin'ity ampahany ity.

**mifanaratsy**

"manohitra" na "milaza zavatra ratsy momba"

**ry rahalahy**

Ataon'i Jakoba toy ny hoe mpiralahy iray rà ireo mpino. DH: "ry mpino namako"

**fa mpitsara**

"fa manao toy ny olona izay manome ny lalàna ianareo"

**Iray ihany no manome lalàna sy mitsara**

Manondro an'Andriamanitra io. "Andriamanitra ihany no manome ny lalàna sy mitsara ny olona"

**Iza moa ianao, izay mitsara ny namananao?**

Io dia fanontaniana fampisainana izay ampiasain'i Jakoba mba hibedesana ireo mpamaky. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "Olombelona ihany ianao ka tsy afaka ny hitsara olombelona"

**James 4:13**

**hijanona herintaona**

Ataon'i Jakoba toy ny hoe fandanianana vola ny fandanianana fotoana. "hijanona any mandritra ny herintaona"

**Iza no mahalala izay hitranga rahampitso**

Mampiasa io fanontaniana io i Jakoba mba hanitsiana ireo mpamaky. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "Tsy misy mahalala izay hiseho rahampitso"

**ary inona ny fiainanareo**

Mampiasa io fanontaniana io i Jakoba mba hampianarana ireo mpino fa tsy dia manan-danja tahaka ny inona ny fiainana ara-nofo. Azo adika ho teny tsotra io. DH: "ary hevero ny fiainanareo ara-nofo"

**Fa zavona mipoitra vetivety ianareo ary avy eo dia levona**

Oharin'i Jakoba amin'ny zavona izay mipoitra ary manjavona vetivety foana ny olona. DH: "fotoana kely ihany no ahavelomanareo, ary avy eo dia maty ianareo"

**James 4:15**

**Fa kosa, tokony hilaza ianareo hoe**

"Fa kosa, ny toetranareo dia tokony"

**ho velona isika**

Ny teny hoe "isika" dia tsy manondro mivantana an'i Jakoba na ireo mpamaky fa ohatra anehoana ny tokony ho ataon'ireo mpamakin'i Jakoba izany.

**hanao an'itsy na hanao an'iroa**

"hanao izay nokasaintsika hatao"

**an'izay rehetra mahalala manao ny tsara nefa tsy manao izany, dia heloka ho azy izany**

Izay rehetra tsy manao ny tsara izay fantany fa tokony ho ataony dia meloky ny fahotana.

## Chapter 5

<sup>1</sup> Avia, ianareo izay manan-karena, mitomania sy midradradradrà noho ireo fahoriana tonga aminareo. <sup>2</sup> Ny harenareo efa lo, ary ny fitafianareo efa lanin'ny kalalao. <sup>3</sup> Ny volamenanareo sy ny volafotsinareo dia efa harafesina. Ny harafesiny dia ho vavolombelona hianpanga anareo. Handoro ny nofonareo tahaka ny afo izany. Notehirizinareo ny harenareo ho amin'ny ireo andro farany. <sup>4</sup> Indro, ny karaman'ireo mpiasa dia mitaraina \_ny karama izay nohazoninareo tsy ho an'ireo izay nampamokatra ny sahanareo, ary ireo fitarainan'ny mpijinja dia efa tonga any an'tsofin'ny Tompon'ny maro. <sup>5</sup> Niaina tamin'ny harena teto antany ianareo ary nanara-po tamin'ny tenanareo. Natavezinareo ny fonareo ho an'ny andro famonoana. <sup>6</sup> Nanameloka sy namono ny olo-marina ianareo. Tsy nanohitra anareo izy. <sup>7</sup> Koa mahareta, ry rahalahy, mandra-piavin'ny Tompo. indro, ny mpamboly miandry ny vokatra sarobidy avy amin'ny tany. Miandry amim-paharetana izany izy, mandra-pahazoan'izany ny voaloha sy ny fara-orana. <sup>8</sup> Ianareo, ihany koa, mahareta. Hatanjaho ny fonareo, satria efa akaiky ny fiavian'ny Tompo. <sup>9</sup> Aza mifampitaraina, ry rahalahy, mba tsy ho tsaraina ianareo. Indro, ny mpitsara mijoro eo am-baravarana. <sup>10</sup> Makà ohatra, ry rahalahy, avy amin'ny fijaliana sy faharetan'ireo mpaminany, ireo izay niteny tamin'ny anaran'ny Tompo. <sup>11</sup> Indro, ataontsika toy ny sambatra ireo izay efa niharitra. Efa renareo ny fiaretan'i Joba, ary fantatrareo ny tanjon'ny Tompo, ny maha-feno fangorahana sy famindram-po Azy. <sup>12</sup> Fa ambonin'ny rehetra, ry rahalahiko, aza mianiana, na amin'ny lanitra na amin'ny tany, na amin'ny fianianana hafa. Fa kosa, aoka ny teninareo hoe: "Eny" ho "Eny" ary ny "Tsia" ho "Tsia," mba tsy hiditra amin'ny fitsarana ianareo. <sup>13</sup> Misy olona va eo aminareo mijaly amin'ny ady sarotra? Aoka izy hivavaka. Misy olona faly ve? Aoka izy hihira fiderana. <sup>14</sup> Misy marary va eo anivonareo? Aoka izy hiantso ny loholon'ny fiangonana, ary aoka izy ireo hivavaka ho azy. Aoka izy ireo hanosotra menaka azy amin'ny anaran'ny Tompo. <sup>15</sup> Ny fivavaky ny finoana no hanasitrana ilay olona marary, ary ny Tompo hanangana azy. Raha nanota izy, dia hamela azy Andriamanitra. <sup>16</sup> Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny vavaka ataon'ny olo-marina dia tena matanjaka amin'ny fiasany. <sup>17</sup> Elia dia lehilahy nitovy tamintsika ihany. Nivavaka mafy izy mba tsy hilatsahan'ny ranon'orana, ary tsy nilatsaka tamin'ny tany nandritra ny telo taona sy enim-bolana izany. <sup>18</sup> Avy eo nivavaka indray Elia. Ny lanitra dia nanome ranon'orana, ary ny tany namoa ny vokany. <sup>19</sup> Ry rahalahiko, raha misy eo aminareo miala amin'ny fahamarinana, ary misy anankiray mampiverina azy, <sup>20</sup> dia tokony ho fantatr'io olona io fa na iza na iza manala ny mpanota iray amin'ny lalan-diso dia hamonjy azy amin'ny fahafatesana, ary hanarona fahotana marobe.

### James 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Mampitandrina ireo mpanan-karena ny amin'ny fifantohan'izy ireo amin'ny fahafinaretana sy harena i Jakoba.

#### ianareo izay manan-karena

Ireo mety ho dikany dia 1) Manome fampitandremana mafonja ho an'ireo mpino mpanefofo i Jakoba na 2) Miresaka momba ireo mpanefofo tsy mpino i Jakoba. DH: "Ianareo izay mpanan-karena ka milaza anareo ho manaja an'Andriamanitra"

#### noho ireo fahoriana tonga aminareo

Ambaran'i Jakoba fa ireo olona ireo dia hijaly mafy amin'ny ho avy ary ny fahorian'izy ireo dia toy ny zavatra izay mandroso manatona zy ireo. DH: "fa hijaly mafy ianareo amin'ny ho avy"

#### Ny harenareo efa lo, ary ny fitafianareo efa lanin'ny kalalao. Ny volamenanareo sy ny volafotsinareo dia efa harafesina

Resahin'i Jakoba toy ny hoe tranga efa niseho sahady io.

#### Harenareo ... fitafianareo ... volamenanareo

Voatonona eto ireo zavatra ireo mba ho ohatra anehoana ireo zavatra izay sarobidy amin'ireo olona mpanan-karena.

#### Ny harafesiny dia ho vavolombelona hianpanga anareo

Ny "harafesina" dia fomba ilazana ny fahasimban'ny vy. Io fahasimbana io dia oharin'i Jakoba amin'ny olona iray izay ao amin'ny efitrano fitsarana ary miampanga ireo ratsy fanahy nohon'ny heloka be vava nataon'izy ireo. DH: "Ary rehefa mitsara anareo Andriamanitra, dia ho toy ny olona iray izay miampanga anareo eo amin'ny fitsarana ireo harena efa simbanareo"

#### Handoro ... tahaka ny afo

Oharina amin'ny afo izay mandoro ny tompony ny harafesina eto.

#### ny nofonareo

Eto ny "nofo" dia ilazana ny vatana.

#### afo

Ny hevitra ny afo eto hitarihina ny olona mba hahatsiaro fa ny afo matetika dia maneho ny

famaizan'Andriamanitra izay ho avy eo amin'ny ratsy fanahy rehetra.

#### ho amin'ny ireo andro farany

Io dia maneho ny fotoana mialohan'ny hiavian'Andriamanitra mba hitsara ny olona rehetra. Mihevitra ireo ratsy fanahy fa nanangona harena ho amin'ny ho avy izy ireo, saingy nanangona fitsarana anefa no ataon'izy ireo. DH: "fa rehefa hitsara anareo Andriamanitra"

### James 5:4

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Manohy mampitandrina ireo mpanan-karena ny amin'ny fifantohan'izy ireo amin'ny fahafinaretana sy harena i Jakoba.

#### ny karaman'ireo mpiasa dia mitaraina \_ny karama izay nohazoninareo tsy ho an'ireo izay nampamokatra ny sahanareo

Ny vola izay tokony ho naloa dia atao toy hoe ny olona mihiakiaka nohon'ny tsy rariny natao taminy. DH: "ny tsy nandoavanareo ny karaman'ireo nasainao niasa teny amin'ny sahanareo dia mampiseho fa nanao ny tsy mety ianareo"

#### ireo fitarainan'ny mpijinja dia efa tonga any an'tsofin'ny Tompon'ny maro

Ny fihakiak'ireo mpijinja dia atao toy ny hoe re any an-danitra. DH: "ren'ny Tompon'ny maro ny hiakiak'ireo mpininja"

#### any an'tsofin'ny Tompon'ny maro

Raisina toy ny hoe manan-tsofina toy ny olombelona Andriamanitra. DH: "ren'ny Tompon'ny maro"

#### Natavezinareo ny fonareo ho an'ny andro famonoana

Eto ny olona dia raisina toy ny hoe biby fiompy, novokisana tsara tamin'ny voa mba hihatavy ary ho vonoina hanaovana fety. Na izany aza, tsy hisy hanao fety amin'ny andron'ny fitsarana. DH: "Ny fahatendanareo dia nanomana anareo ho amin'ny fahamafisan'ny fitsarana mandrakizay fotsiny"

#### ny fonareo

Eto ny "fo" dia ampiasaina mba hilazana ny ivon'ny filan'ny olombelona. Io teny io eto dia maneho ilay olona manontolo.

#### Nanameloka ... ny olo-marina ianareo

Mety tsy ho ilay "nanameloka" any amin'ny fitsarana izay hanomezan'ny mpitsara fanamelohana ho faty ny mpanao ratsy io. Fa kosa, mety maneho ireo ratsy fanahy sy olona manampahefana izay manapa-kevitra ny hampijaly ireo mahantra mandra-pahafatin'izy ireo io.

#### ny olo-marina

"ireo olona manao ny marina." Io fomba fiteny io dia maneho ireo olo-marina amin'ny ankapobeny fa tsy hoe olona iray izay voafaritra mazava.

### James 5:7

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ovain'i Jakoba ho famporisihina ireo mpino ny lohahevitra momba ny fananarana ireo olona mpanan-karena teo.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eo am-pamaranana, dia mampatsiahy ireo mpino momba ny fiavian'ny Tompo i Jakoba ary manome lesona fohifohy maromaro ny amin'ny fomba fiainana ho an'ny Tompo.

#### Koa mahareta

"Noho izany, miandrasa ary mitonia"

#### mandra-piavin'ny Tompo

Io fehezan-teny io dia maneho ny fiverenan'i Jesosy, rehefa hanomboka ny fanjakany eto an-tany Izy ary hitsara ny olona rehetra. DH: "mandra-piverin'i Kristy"

#### ny mpamboly

Mampiasa fanoharana momba ny mpamboly sy ireo mpino i Jakoba mba hampianarana ny hevitra ny faharetana.

#### Hatanjaho ny fonareo

Mikasika ny fon'ireo mpino i Jakoba mba hahavonona azy ireo hanolo-tena hatrany. DH: "Manolotra-tena hatrany" na "hamafiso hatrany ny finoanareo"

#### efa akaiky ny fiavian'ny Tompo

"hiverina tsy ho ela ny Tompo"

### James 5:9

#### Aza mifampitaraina, ry rahalahy ... ianareo

Manoratra ho an'ireo mpino Jiosy niparitaka i Jakoba.

#### mba tsy ho tsaraina ianareo

Azo adika hoe DH: "tsy hitsara anareo i Kristy"

#### ny mpitsara mijoro eo am-baravarana

Oharin'i Jakoba amin'ny olona iray izay efa hiditra amin'ny varavarana i Jesosy, ilay mpitsara, mba hanindriana ny amin'ny fiverenan'i Jesosy faingana eto amin'izao tontolo izao. DH: "hiverina tsy ho ela ny mpitsara"

#### ny fijaliana sy faharetan'ireo mpaminany

"ny fomba niharetan'ireo mpaminany ny fanenjehana tamim-paharetana"

#### niteny tamin'ny anaran'ny Tompo

"niteny tamin'ny olona ho an'ny Tompo"

#### Indro

Eto ny hoe "Indro" dia manindry izay ho lazaina manaraka. DH: "Henoy tsara" na "Tsarovy"

**ireo izay efa niharitra**

"ireo izay nanohy nankatoa an'Andriamanitra na dia tamin'ny ady sarotra aza"

**James 5:12****Fa ambonin'ny rehetra**

"Zava-dehibe izao" na "Indrindra"

**ry rahalahiko**

"ry mpino namako"

**aza mianiana**

Ny atao hoe "mianiana" dia ny milaza fa hanao zavatra iray, na milaza fa marina ny zavatra iray, ary mitazona ny fahefana ambony kokoa ho tompoan'Andraikitra amin'izany. DH: "aza manao voady" na "aza manao fianianana"

**na amin'ny lanitra na amin'ny tany**

Ny teny hoe "lanitra" sy "tany" dia ilazana ireo fahefana ara-panahy na an'olombelona izay misy eto an-tany sy any an-danitra.

**Fa kosa, aoka ny teninareo hoe: "Eny" ho "Eny" ary ny "Tsia" ho "Tsia,"**

"ataovy izay nolazainareo ho atao ka aza manao voady"

**mba tsy hiditra amin'ny fitsarana ianareo**

Ny hoe voaheloka dia raisina toy ny hoe nianjera ny olona iray, ary voatorotoron'ny vesatry ny zavatra mavesatra iray. DH: "mba tsy ho faizin'Andriamanitra ianareo"

**James 5:13****Misy olona va eo aminareo mijaly amin'ny ady sarotra? Aoka izy hivavaka**

"Raha misy mandalo olona, tokony hivavaka izy"

**Misy marary va eo anivonareo? Aoka izy hiantso**

"Raha misy marary, dia tokony hiantso"

**Ny fivavakin'ny finoana dia hanasitrana ilay olona marary, ary ny Tompo hanangana azy**

Rehefa mivavaka ho an'ny olona marary ny mpino, dia handre ny fivavak'izy ireo ny Tompo ary hanasitrana ireo olona ireo. DH: "Handre ireo mpino mivavaka amin'ny finoana ny Tompo, ary hanasitrana ilay olona marary izy"

**James 5:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Satria mpino Jiosy ireo, dia mampatsiahy azy ireo mba hivavaka i Jakoba, amin'ny fampatsiahivana ny iray amin'ireo mpaminany sy fampatsiahivana ny amin'ny asan'ny fivavak'ireo mpaminany.

**Koa mifaneke heloka ianareo**

Izany dia manaiky eo amin'ireo mpino hafa ny zavatra ratsy nataonao mba ho voavela heloka ianao.

**mba ho sitrana ianareo**

"mba ho sitranin'Andriamanitra ianareo"

**Ny vavaka ataon'ny olo-marina dia tena matanjaka amin'ny fiasany**

Ny vavaka dia faritana toy ny hoe zavatra matanjaka sy mahery. DH: "Rehefa mivavaka ny olona mankatoa an'Andriamanitra, dia hanao zavatra lehibe Andriamanitra"

**mafy**

"am-po"

**telo ... enina**

"3 ... 6"

**Ny lanitra dia nanome ranon'orana**

"Ny lanitra" dia mety hilazana ny habakabaka, izay maneho ny loharano hipoiran'ny orana. DH: "Nilatsaka avy any an-danitra ny orana"

**ary ny tany namoa ny vokany**

Eto ny tany dia anehoana ny fiavian'ny vokatra.

**vokany**

Eto ny "vokatra" dia ilazana ny vokatry ny mpamboly.

**James 5:19****Ry rahalahiko**

"Ry mpino namako"

**raha misy eo aminareo miala amin'ny fahamarinana, ary misy anankiray mampiverina azy**

Atao toy ny hoe ondry nania niala tamin'ireo namany ny mpino iray izay nitsahatra tsy nino an'Andriamanitra. Ny olona izay mandresy lahatra azy hatoky an'Andriamanitra indray dia raisina ho toy ny mpiandry ondry izay nandeha nitady ilay ondry very. DH: "na oviana na oviana misy olona mitsahatra tsy mankatoa an'Andriamanitra, ka misy olona hafa manampy azy hanomboka hankatoa Azy indray"

**fa na iza na iza manala ny mpanota iray amin'ny lalan-diso ... hanarona fahotana marobe**

Ny tian'i Jakoba ho lazaina dia hoe: ho ampiasain'Andriamanitra handresena lahatra ny mpanota mba hibe-baka ka ho voavonjy ny fihetsik'izany olona izany. Saingy resahin'i Jakoba toy ny hoe io olona io mihitsy no namonjy ny fanahin'ilay mpanota tamin'ny fahafatesana.

**dia hamonjy azy amin'ny fahafatesana, ary hanarona fahotana marobe**

Eto ny "fahafatesana" dia maneho ny fahafatesana ara-panahy, ilay fisarahana amin'Andriamanitra mandrakizay. DH: "hamonjy azy amin'ny

fahafatesana ara-panahy, ary Andriamanitra  
hamonjy ilay mpanota amin'ny fahotany rehetra"

**hanarona fahotana marobe**

Ireo mety ho dikany dia 1) ny olona izay mamerina  
ny rahalahy nania dia ho voavela ny helony na 2) ny

rahalahy nania, rehefa miverina amin'ny Tompo, dia  
ho voavela heloka. Atao toy ny hoe zavatra izay  
afaka saronan'Andriamanitra ny fahotana mba tsy  
hahitany izany, ary mba hamelany izany.

## Book: 1 Peter

### 1 Peter

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Petera, apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'ireo zanaka am-pielezana, ireo izay voafidy, manerana an'i Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia, ary Bitynia. <sup>2</sup> Izany dia araka ny fantatr'Andriamanitra Ray mialoha, voatokan'ny Fanahy ho fankatoavana sy ho famafazana ny rà'n'i Jesosy Kristy. Ho aminareo anie ny fahasoavana, ary hitombo anie ny fiadanana. <sup>3</sup> Ho tahiana anie Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompotsika. Tamin'ny famindram-pony, no nanomezany antsika fahaterahana vaovao ho an'ny fahatokisan'ny lova. Izany lova izany dia tamin'ny alalan'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty. <sup>4</sup> Izany dia ho an'ny lova izay tsy ho faty, tsy ho simba, ary tsy ho levona. Izany dia voatokana ho anareo any an-danitra. <sup>5</sup> Ianareo dia arovan'ny herin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana, ho an'ny famonjena izay efa vonona ho ambara amin'ny fotoana farany. <sup>6</sup> Tena ravoravo momba izany ianareo, na dia ilainareo aza ny hahatsiaro malahelo amin'ny olana maro samy hafa ankehitriny. <sup>7</sup> Izany dia ho an'ny fanaporofaana ny finoanareo, izay sarobidy kokoa noho ny volamena izay simba, na dia nosedraina tamin'ny afo aza. Miseho izany mba ho hita ny vokatry ny finoanareo amin'ny fiderana, voninahitra, ary haja amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy. <sup>8</sup> Tsy nahita Azy ianareo, nefa tia Azy. Tsy mahita azy ianareo ankehitriny, kanefa mino Azy ary tena faly amin'ny fifaliana tsy hay lazaina, mahafinaritra. <sup>9</sup> Raisinareo ankehitriny ny vokatry ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahinareo. <sup>10</sup> Ireo mpaminany dia nikaroka sy nanontany tsara ny momba izany famonjena izany, ny momba ny fahasoavana izay ho anareo. <sup>11</sup> Izy ireo dia nitady ny hahafantatra ny momban'ny hoe iza sy oviana ny Fanahin'i Kristy ao amin'izy ireo no niteny tamin'izy ireo. Izany dia nitranga toy ny nolazainy azy ireo mialoha momba ireo fijalian'i Kristy sy ny voninahitra manaraka izany. <sup>12</sup> Nambara tamin'izy ireo izany mba tsy hanompo ny tenany izy ireo, fa ianareo, rehefa niteny ireo zavatra izay voalaza taminareo ankehitriny izy ireo tamin'ny alalan'ireo izay nitory ny filazantsara taminareo tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina nalefa avy any an-danitra--zavatra izay tian'ireo anjely ho fantatra. <sup>13</sup> Noho izany homano ny sainareo. Mahonona tena. Mametraka fitokiana amin'ny fahasoavana izay ho entina eo aminareo amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy. <sup>14</sup> Amin'ny maha-zanaka mpankato, aza mampifanaraka ny tenanareo amin'ireo faniriana izay narahinareo tamin'ny mbola tsy nahalala ianareo. <sup>15</sup> Fa tahaka ilay iray izay niantso anareo hoe masina, ianareo, ihany koa, aoka ho masina amin'ny fitondran-tenanareo manontolo. <sup>16</sup> Fa voasoratra hoe: "Aoka ho masina, satria masina Aho." <sup>17</sup> Ka raha miantso ilay iray izay mitsara tsy misy fanavakavahana araka ny asan'olona tsirairay avy hoe: "Ray" ianareo, dia handany ny fotoan'andronareo amin'ny fanehoana fanajana. <sup>18</sup> Fantatrarao fa tsy avy tamin'ny volafotsy na volamena mety levona no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala izay nianaranareo tamin'ireo razanareo. <sup>19</sup> Fa kosa, navotana tamin'ny rà sarobidin'i Kristy ianareo, izay toy ny zanak'ondry tsy misy kilema na tsiny. <sup>20</sup> Voafidy talohan'ny nananganana an'izao tontolo izao Kristy, fa ankehitriny dia tamin'ireo fotoana farany no nanambaràna Azy taminareo. <sup>21</sup> Amin'ny alalany no hinoanareo an'Andriamanitra, izay nanangana azy tamin'ny maty sy tamin'ireo nomeny voninahitra mba ho ao amin'Andriamanitra ny finoana sy fahatokianareo. <sup>22</sup> Nanadio ny fanahinareo tamin'ny fankatoavana ny fahamarinana ianareo. Izany dia ho an'ny fitiavana ara-pirahalalana madio; noho izany mifankatiava fatratra amin'ny fo. <sup>23</sup> Nateraka indray ianareo, tsy avy amin'ny voa mety maty, fa avy amin'ny voa tsy mety maty, amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra velona sy mitoetra. <sup>24</sup> Fa "ny nofo rehetra dia toy ny ahitra, ary ny voninahiny rehetra dia toy ny voninkazon'ny ahitra. Maina ny ahitra, ary malazo ny voninkazo, <sup>25</sup> fa ny tenin'ny Tompo dia mitoetra mandrakizay." Izany ny vaovao mahafaly izay nambara taminareo.

#### Footnotes

1:22 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky hoe: "Nanadio ny fanahinareo tamin'ny fankatoavana ny fahamarinana tamin'ny alalan'ny Fanahy ianareo"



**1 Peter 1:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Petera milaza ny tenany toy ny mpanoratra ary milaza sy miarahaba ireo mpino izay hanoratany.

**ireo zanaka am-pielezana**

Petera miresaka ireo mpamakiny toy ny olona izay miaina lavitry ny tranon'izy ireo any amin'ny firenena samihafa.

**Kapadokia ... Bitynia**

Miaraka amin'ireo toerana hafa izay tononin'i Petera, "Kapadokia" sy "Bitynia" dia faritany Romana any amin'ny firenen'i Torkia amin'izao.

**ireo izay voafidy ... araka ny fantatr'Andriamanitra Ray mialoha**

"ireo izay nofidian'Andriamanitra ... araka ny fahalalany manokana." Andriamanitra nifidy azy ireo araka ny fahalalany mialoha.

**fantatr'Andriamanitra Ray mialoha**

Ireo dika azo heverina: 1) Andriamanitra dia nanapa-kevitra izay mety hitranga mialohan'ny fotoana. DH: "izay fanapahan-kevitr'Andriamanitra taloha" na 2) Andriamanitra dia nahalala izay hitranga mialohan'ny fotoana. DH: "izay fantatr'Andriamanitra mialoha"

**ho famafazana ny rà'n'i Jesosy Kristy**

Eto ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy. Tahaka ny namafazan'i Mosesy ny rà'n'y vahoakan'Isiraely mba ho mariky ny fanekem-pihavanan'izy ireo amin'Andriamanitra, dia ao anatin'ny fanekem-pihavanana amin'Andriamanitra koa ireo mpino nohon'ny fahafatesan'i Jesosy.

**Ho aminareo anie ny fahasoavana, ary hitombo anie ny fiadanana**

Ity andalana ity dia miresaka ny fahasoavana toy ny hoe zavatra iray izay azontsika ananana izany, ary ny fiadanana toy ny hoe zavatra izay afaka mitombo habetsaka. Eny, ny fahasoavana raha ny tena marina dia ny hatsaram-panahin' Andriamanitra miasa amin'ireo mpino, ary ny fiadanana dia ny fomba fiainan'ireo mpino am-pilaminana sy am-pifaliana miaraka amin'Andriamanitra.

**1 Peter 1:3****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Petera manomboka miresaka momba ny famonjena ireo mpino sy ny finoana. Eto izy dia mamelabelatra sarin-teny izay hiresahana ny fampanantenan'Andriamanitra fa hatao ho an'ireo mpino rehetra toy ny hoe lova izay atolony azy ireo izany.

**Jesosy Kristy Tompontsika ... fahaterahana vaovao**

Ny teny hoe "antsika" sy "isika" dia maneho an'i Petera sy ireo izay hanoratany.

**nanomezany antsika fahaterahana vaovao**

"izy no nahatonga antsika ho ateraka indray"

**fahatokisan'ny lova**

DH: "mba hanantena handray lova am-pahatokiana"

**lova**

Ny fandraisana izay nampanantenain' Andriamanitra an'ireo mpino dia resahina toy ny hoe mandova fananana sy harena avy amin'ny mpikambana iray ao amin'ny fianakaviana.

**tsy ho faty, tsy ho simba, tsy ho levona**

Petera mampiasa fehezanteny telo mitovitovy mba hamaritana ny lova toy ny zavatra izay tonga lafatra sy mandrakizay.

**Izany dia voatokana ho anareo any an-danitra**

DH: "Andriamanitra dia manokana izany any an-danitra ho anareo"

**Ianareo dia arovan'ny herin'Andriamanitra**

DH: "Miaro anareo Andriamanitra"

**ny herin'Andriamanitra**

Eto ny "hery" dia fomba iray hilazana fa matanjaka sy afaka hiaro ireo mpino Andriamanitra.

**amin'ny alalan'ny finoana**

Eto ny "finoana" dia maneho ny fahatokisan'ireo mpino an'i Kristy. DH: "nohon'ny finoanareo"

**izay efa vonona ho ambara**

DH: "izay efa vonona ho ambaran'Andriamanitra"

**1 Peter 1:6****Tena ravoravo momba izany ianareo**

Ny teny hoe "izany" dia maneho ny tso-drano rehetra izay nolazain'i Petera tao amin'ny andininy teo aloha.

**Izany dia ho an'ny fanaporofanoana ny finoanareo**

Tahaka ny afo manadio volamena, no hitsapan'ny zava-tsarotra ny hatsaran'ny fahatokian'ireo mpino an'i Kristy.

**fanaporofanoana ny finoanareo**

Andriamanitra dia te-hitsapa ny fahatokian'ireo mpino an'i Kristy.

**ny finoanareo izay sarobidy kokoa noho ny volamena izay simba, na dia nosedraina tamin'ny afo aza**

Ny finoana dia sarobidy kokoa noho ny volamena, satria ny volamena dia tsy maharitra mandrakizay, na dia natsaraina tamin'ny afo aza izany.

**mba ho hita ny vokatry ny finoanareo amin'ny fiderana, voninahitra, ary haja**

Ireo dika azo heverina: 1) mba "hanome voninahitra ambony anareo Andriamanitra" nohon'ny finoanareo na 2) mba "hitondra dera, voninahitra, ary haja an'Andriamanitra ny finoanareo."

**amin'ny hisehoan'i Jesosy kristy**

Ity dia maneho ny fiverenan'i Kristy. DH: "rehefa miseho amin'ny olona rehetra Jesosy Kristy"

**1 Peter 1:8**

**fifaliana tsy hay lazaina, mahafinaritra**

"fifaliana mahafinaritra izay tsy hay faritana"

**ny famonjena ny fanahinareo**

Eto ny teny hoe "fanahy" dia maneho ny maha-olona iray manontolo. DH: "ny famonjena anareo" na "Andriamanitra mamonjy anareo"

**famonjena ... fahasoavana**

Ireo teny ireo dia maneho hevitra toy ny hoe zavatra. Raha ny tena izy, ny "famonjena" dia maneho ny fihetsik'Andriamanitra mamonjy antsika, na izay vokatry hitranga. Mitovitovy amin'izay, ny "fahasoavana" dia maneho ny hatsaram-panahy izay hanampian'Andriamanitra ireo mpino.

**nikaroka sy nanontany**

Ny hoe "nanontany tsara" dia mitovy hevitra amin'ny hoe "nitady" amin'ny ankapobeny. Ireo teny ireo miaraka dia manamafy ny hamafin'ny fiezahan'ireo mpaminany hahazo ity famonjena ity. DH: "nandinika tsara"

**1 Peter 1:11**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Paoly manohy miresaka momba ny fikarohan'ireo mpaminany ny famonjena.

**Izy ireo dia nitady ny hahafantatra**

"niezaka namantatra izy ireo"

**Nambara tamin'izy ireo izany**

DH: "Andriamanitra nanambara tamin'ireo mpaminany"

**izay tian'ireo anjely ho fantatra**

"ireo anjely dia te ahafantatra"

**1 Peter 1:13**

**Noho izany**

Petera mampiasa ity teny ity eto mba hanehoana ny zavatra rehetra nolazainy momba'ny famonjena, ny finoan'izy ireo, ary ny Fanahin'i Kristy manome fanambarana amin'ireo mpaminany.

**homano ny sainareo**

Ity dia maneho ny fiomanana amin'ny asa-mafy. DH: "mivonona"

**mahonona tena**

Eto ny teny hoe "mahonona tena" dia maneho ny fahazavan-tsaina sy fahamailoana. DH: "fehezo ny eritreritrareo" na "Mitandrema ny amin'izay eritreretrinareo"

**ny fahasoavana izay ho entina eo aminareo**

DH: "ny fahasoavana izay ho entin'Andriamanitra eo aminareo"

**ny fahasoavana izay ho entina eo aminareo**

Eto ny fanampian'Andriamanitra amin'ny hatsaram-panahy ireo mpino dia resahina toy ny hoe zavatra izay azo homena azy ireo izany.

**amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy**

Ity dia maneho ny fiverenan'i Jesosy Kristy. DH: "rehefa miseho amin'ny olona rehetra Jesosy Kristy." Jereo ny nandikanao izany tao amin'ny 1:6.

**aza mampifanaraka ny tenanareo amin'ireo faniriana**

"aza maniry ny zavatra mitovy" DH: "aza miaina mba hanome fahafaham-po ireo faniriana"

**1 Peter 1:15**

**Fa voasoratra hoe**

DH: "Fa araka ny nosoratan'i Mosesy"

**aoka ho masina, satria masina Aho**

Eto ny teny hoe "Aho" dia maneho an'Andriamanitra.

**handany ny fotoan'andronareo**

Petera dia miresaka ireo mpamakiny toy ny hoe olona miaina any amin'ny tany vahiny lavitry ny tranony izy ireo. DH: "mandany ny fotoana iainanareo lavitry ny tena tranonareo"

**1 Peter 1:18**

**nanavotana anareo**

DH: "Novonjen'Andriamanitra ianareo"

**ny rà sarobidin'i Kristy**

Eto ny hoe "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana.

**toy ny zanak'ondry tsy misy kilema na tsiny**

Jesosy dia maty toy ny sorona mba hamelan'Andriamanitra ny fahotan'ny olona. DH: "toy ny zanak'ondry tsy misy kilema na tsiny izay nataon'ireo mpisorona Jiosy sorona"

**tsy misy kilema na tsiny**

Petera dia maneho hevitra mitovy amin'ny fomba roa samihafa mba hanamafisana ny fahadiovan'i Kristy. DH: "tsy misy kilema"

**1 Peter 1:20**

**Voafidy Kristy**

DH: "Andriamanitra nisafidy an'i Kristy"

**talohan'ny nananganana an'izao tontolo izao**

DH: "talohan'ny naharian'Andriamanitra an'izao tontolo izao"

**nanambaràna Azy taminareo**

DH: "nanambaran'Andriamanitra Azy taminareo"

**nanambaràna Azy taminareo**

Petera dia tsy miteny hoe nahita an'i Kristy ireo mpamakiny, fa hoe nianatra ny marina momba Azy izy ireo.

**ireo nomeny voninahitra**

Petera dia miresaka ny fanomezan'Andriamanitra voninahitra an'i Jesosy toy ny hoe nomeny zavatra Izy.

**1 Peter 1:22****Nanadio ny fanahinareo ianareo**

Eto Petera dia miresaka ireo mpino toy ny hoe nanadio ny tenany izy ireo. Amin'ny tena izy, tsy nanao na inona na inona izy ireo fa manaiky ny famonjena avy amin'i Kristy.

**Nanadio ny fanahinareo ianareo**

Eto ny teny hoe "fanahy" dia maneho ny maha-olona iray manontolo. DH: "nanadio ny tenanareo ianareo"

**nanadio**

Eto ny hevitra ny fahadiovana dia midika hoe ankasitrahana'Andriamanitra.

**fitiavana ara-pirahalalahiana**

Ity dia maneho ny fitiavana eo amin'ny namana mpino.

**mifankatiava fatratra amin'ny fo**

Eto ny teny hoe "fo" dia maneho ny sezan'ny fihetseham-po ary manondro fa tokony ho tia tanteraka izy ireo. DH: "mifankatiava fatratra sy tanteraka" na "mifankatiava fatratra sy amin'ny fo manontolo"

**Nateraka indray ianareo, tsy avy amin'ny voa maty, fa avy amin'ny voa tsy maty**

Ireo dika azo heverina: 1) tahaka ny voan'ny hazo maniry izay mitombo sy mamokatra fiainana vaovao eo amin'ireo mpino na 2) tahaka ny sela kely ao

anatin'ny lehilahy na vehivavy izay mikambana mba hampitombo ny zazakely ao anatin'ny vehivavy.

**tsy mety maty**

"maharitra"

**amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra velona sy mitoetra**

Petera miresaka ny tenin'Andriamanitra toy ny hoe velona mandrakizay izany. Amin'ny tena izy, Andriamanitra no velona mandrakizay, ary ny didiny sy fampanantenany dia maharitra mandrakizay.

**1 Peter 1:24****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Amin'ireo andininy ireo Petera dia milaza andalana avy amin'Isaia mpaminany mifandray amin'izay vao nolazainy momba azy ireo hateraka amin'ny voa tsy mety maty.

**ny nofo rehetra dia toy ny ahitra**

Isaia mpaminany dia mampitaha ny fanetren-tena amin'ny ahitra izay mitombo sy maty aingana. DH: "Ny olona rehetra dia ho faty toy ny hafatesan'ny ahitra"

**ny nofo rehetra**

Ny teny hoe "nofo" dia maneho ny fanetren-tena. DH: "ny olona rehetra"

**ny voninahiny rehetra dia toy ny voninkazon'ny ahitra**

Eto ny teny hoe "voninahitra" dia maneho ny hatsarana. Isaia mpaminany dia mampitaha ireo zavatra izay raisin'ny olona hoe tsara na mahafinaritra momban'ny olombelona amin'ny voninkazo izay maty haingana. DH: "Tsy ho ela ny olombelona dia hitsahatra ny ho tsara, tahaka ny voninkazo ho faty tsy ho ela"

**Izany no vaovao mahafaly**

Eto ny teny hoe "izany" dia maneho ny "tenin'ny Tompo"

**Izany ny vaovao mahafaly izay nambara taminareo**

DH: "ny vaovao mahafaly izay nambaranay"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Noho izany ario ny ratsy rehetra, ny fahadisoam-panantenana rehetra, ny fihatsaram-belatsihy, ny faniriana, ary ny fanendrikendrehana rehetra. <sup>2</sup> Tahaka ny zaza vao teraka, maniry ronono ara-panahy madio, mba hahafahanareo mitombo ao amin'ny famonjena amin'ny alalan'izany, <sup>3</sup> raha nahatsapa ianareo fa tsara fanahy ny Tompo. <sup>4</sup> Manatona azy ilay vato velona izay narian'ny olona, fa voafidin'Andriamanitra ho manan-danja Aminy. <sup>5</sup> Ianareo ihany koa dia tahaka ireo vato velona izay voaorina ho trano ara-panahy, mba ho mpisorona masina izay manolotra ny sorona ara-panahy eken'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. <sup>6</sup> Ny Soratra Masina dia ahitana izao: "Indro, Izaho mipetraka amin'ny Ziona vato fehizoro, voafidy sy manan-danja. Izay rehetra mino azy dia tsy ho menatra." <sup>7</sup> Ny voninahitra noho izany dia ho anao izay mino. Kanefa, "ny vato narian'ireo mpanori-trano, izany dia tonga lohan'ny fehizoro"- <sup>8</sup> ary, vato mahatafintohina sy vatolampy mahalavo. Tafintohina izy ireo, tsy nankàto ny teny, izay voatokana ho azy ireo ihany koa. <sup>9</sup> Fa ianao dia olom-boafidy, mpisoron'ny mpanjaka, firenena masina, olona ho an'ny fananan'Andriamanitra, mba ho afaka hanambara ny hatsaran'ireo asan'ilay iray izay niantso anao avy tao amin'ny haizina hankao amin'ny hazavany mahatalanjona ianao. <sup>10</sup> Taloha ianao tsy olona, kanefa ankehitriny ianao dia olon'Andriamanitra. Tsy nandray famindram-po ianao, fa ankehitriny ianao nandray famindram-po. <sup>11</sup> Ry malala, miantso anareo toy ny vahiny sy mpirenireny aho mba hifady ny filàn'ny nofo, izay mahatonga ady manohitra ny fanahinareo. <sup>12</sup> Tokony manana fitondran-tena tsara ianareo eo amin'ireo Jentilisa, mba ho, raha miresaka momba anareo ho nanao zavatra ratsy izy ireo, dia tokony hahita ireo asa tsaranareo sy hankalaza an'Andriamanitra amin'ny andro izay hahatongavany. <sup>13</sup> Ankatoavy ny fahefan'ny olombelona rehetra noho ny amin'ny Tompo. Ankatoavy toy ny ambony indrindra ny mpanjaka, <sup>14</sup> sy ireo governora ihany koa, izay nalefa mba hanasazy ireo mpanao ratsy sy hankalaza ireo izay manao ny tsara. <sup>15</sup> Fa izany no sitrapon' Andriamanitra, amin'ny fanaovana ny tsara anareo dia mampangina ny resaka tsy mahalala fomban'ny olona adala. <sup>16</sup> Tahakan'ny maha-olon'afaka, aza ampiasaina ho toy ny fanaronana fahalemena ny fahafahanao, fa aoka ho toy ny mpanompon'Andriamanitra. <sup>17</sup> Omeo voninahitra ny olon-drehetra. Tiavo ny firahalahiana. Mahatahora an'Andriamanitra. Omeo voninahitra ny mpanjaka. <sup>18</sup> Ry mpanompo, meteza hanaiky ny tomponareo amin'ny fanajana rehetra. Aza manaiky ho mpanompon'ny tsara sy ho tompo tsara fanahy, fa ho an'ireo ratsy toetra ihany koa. <sup>19</sup> Satria mendri-piderana izany raha misy miaritra fanaintainana rehefa mijaly amin'ny tsy rariny noho ny fanantenany an'Andriamanitra. <sup>20</sup> Fa ohatrinona ny vola raha manota ianao ary miaritra mandritry ny fanasaziana anao avy eo? Fa raha nanao ny tsara ianao ary miaritra mandritry ny fanasaziana anao, dia mendri-piderana amin'Andriamanitra izany. <sup>21</sup> Fa noho ity no niantsoana anao, satria Kristy ihany koa dia nijaly ho anao. Namela ohatra ho anao Izy mba hanarahana ireo lalany. <sup>22</sup> Tsy nanota Izy, na hoe nisy fitaka teo am-bavany. <sup>23</sup> Rehefa notenenana ratsy Izy, dia tsy mba namaly ratsy. Rehefa nijaly Izy, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny tenany tamin'ilay iray izay Mpitsara ampahamarinana. <sup>24</sup> Izy tenany dia nitondra ireo fahotantsika tao amin'ny tenany ho eo ambony hazo, mba tsy hanana anjara amin'ny fahotana intsony isika, ary mba hiaina ho an'ny fahamarinana. Tamin'ny alalan'ny ratrany no nahasitrana anareo. <sup>25</sup> Nirenireny toy ny ondry very ianareo rehetra, fa ankehitriny ianareo niverina tamin'ny mpiandry ondry sy mpiambina ny fanahinareo.

### 1 Peter 2:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Petera dia manohy ny fampianarany momba ny fahamasinana sy ny fankatoavana

**Noho izany ario ny ratsy rehetra, ny fahadisoam-panantenana rehetra, ny fihatsaram-belatsihy, ny faniriana, ary ny fanendrikendrehana rehetra**

Ny fihetsika feno fahotana dia nohariny tamin'ny zavatra izay azon'olona arina. DH: "Noho izany, esory" na "Noho izany, atsaharo"

#### Tahaka ny zaza vao teraka, maniry ronono ara-panahy madio

oharin'i Petera amin'ny zazakely ny mpamaky. Ny zazakely dia mila sakafo madio, mora levonina. Tahaka izany ihany koa, ny mpino dia mila fampianarana madio avy amin'ny tenin'Andriamanitra. DH: "Tahaka ny fitiavan'ny zazakely ny rononon-dreniny, dia mila maniry mafy ny ronono ara-panahy ianao"

#### maniry

"maniry mafy" na "maniry mafy ny"

**ronono ara-panahy madio**

Petera dia miresaka momba ny tenin'Andriamanitra, toy ny hoe ronono ara-panahy izay mamelona zazakely.

**mba hahafahanareo mitombo ao amin'ny famonjena**

Eto ny teny hoe "famonjena" dia maneho hoe rahoviana Andriamanitra no hitondra ny famonjena ho an'ireo vahoakany amin'ny fahatanterahana rehefa miverina Jesosy. DH: "Ianareo dia mety hitombo ara-pinoana mandram-pamonjen'Andriamanitra anareo tanteraka"

**mitombo**

Petera dia miresaka ireo mpino izay efa mandroso amin'ny fahalalan'Andriamanitra sy fahatokisana Azy tahaka ny hoe zazakely mitombo izy ireo.

**raha nahatsapa ianareo fa tsara fanahy ny Tompo**

Ny hoe "nahatsapa" dia midika hoe manandrana zavatra manokana. DH: "Raha toa ianao ka efa nahatsapa ny hatsaram-panahin'ny Tompo manoloana azy ireo"

**1 Peter 2:4****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Petera dia nanomboka ny sarin-teny momba an'i Jesosy sy ireo mpino lasa vato velona.

**Manatona azy ilay vato velona**

Petera dia miresaka an'i Jesosy ho toy ny hoe vato amin'ilay trano izy. DH: "Manatona azy izy ilay tahaka ny vato amin'ny trano, fa velona, fa tsy vato maty"

**ilay vato velona**

Mety ho dikany 1) "ilay vato izay velona" na 2) "ilay vato izay manome fiainana"

**izay narian'ny olona**

DH: "izay nolavin'ny olona"

**fa voafidin'Andriamanitra**

DH: "fa izay nofidian'Andriamanitra"

**Ianareo ihany koa ... voaorina ho trano ara-panahy**

Tahaka ny olona izay mampiasa vato mba hanorenana tempoly tao amin'ny Testamenta Taloha, ireo mpino no akora izay ampiasan'Andriamanitra hananganana trano izay hipetrany.

**Ianareo ihany koa dia tahaka ireo vato velona**

Petera dia mampitaha ny mpamaky amin'ireo vato izay velona.

**izay voaorina ho trano ara-panahy**

DH: "izay Andriamanitra no manorina trano ara-panahy aminy"

**ho mpisorona masina izay manolotra ny sorona ara-panahy**

Eto ny toeran'ny fisoronana dia midika hoe ilay mpisorona izay manatanteraka ny andraikiny.

**1 Peter 2:6****Ny Soratra Masina dia ahitana izao**

Ny Soratra Masina dia milaza azy ireo ho tahaka ny fitoeran-javatra. Ity andalana ity dia mampiseho fa misy olona mamaky ny Soratra Masina. DH: "Izany no nosoratan'ny mpaminany ao amin'ny Soratra Masina fahiny"

**Indro**

Ny "indro" dia misintona ny saintsika amin'izay hitranga manaraka eo.

**vato fehizoro, voafidy sy manan-danja**

Andriamanitra dia ilay Iray izay nifidy ilay vato. DH: "ilay vato fehizoro tena manan-danja, izay nofidiko"

**vato fehizoro**

Ilay mpaminany dia miresaka momba ilay Mesia tahaka ny vato manan-danja amin'ilay trano.

**1 Peter 2:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra**

Petera dia nanohy nilaza andinin-teny tao amin'ny Soratra Masina.

**ny vato narian'ireo mpanori-trano, izany dia tonga lohan'ny fehizoro**

Izany dia sarin-teny izay maneho ireo olona, ohatran'ireo mpanao trano. izay manilika an'i Jesosy, fa satria Andriamanitra nanao Azy ho ilay vato manan-danja indrindra amin'ny trano.

**ny vato narian'ireo mpanori-trano**

DH: "ilay vato izay nolavin'ireo mpanao trano"

**lohan'ny fehizoro**

Izany dia maneho ny vato manan-danja amin'ny trano ary mitovy dika amin'ny "vato fehizoro"

**vato mahatafintohina sy vatolampy mahalavo**

Ireo fehezanteny ireo dia mitovy ny heviny. Izy roa miaraka no manamafy fa ny olona dia ho tafintohina amin'io "vato" io, izay tsy iza fa Jesosy. DH: "ny vato na vatolampy izay hatafintohina olona"

**tsy nankàto ny teny**

Eto ny hoe: "ny teny" dia maneho ny hafatry ny filazantsara. Ny tsy mankatoka dia midika hoe tsy mino. DH: "satria izy ireo dia tsy mahatoky ny hafatra momban'i Jesosy"

**izay voatokana ho azy ireo ihany koa**

DH: "izay natokan'Andriamanitra ho azy ireo ihany koa"

## 1 Peter 2:9

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

Ao amin'ny andininy faha-10 Petera dia mamerina ny teny izay nolazain'i Hosea.

### olom-boafidy

Azo hazaivanao fa Andriamanitra dia ilay iray izay nifidy azy ireo. DH: "olona izay nofidian'Andriamanitra"

### mpisoron'ny mpanjaka

Mety ho dikany 1) "vondron'ny mpanjaka sy vondron'ny mpisorona" na 2) "antokon'ny mpisorona izay manompo ny mpanjaka"

### olona ho an'ny fananan'Andriamanitra

"ny olona izay an'Andriamanitra"

### izay niantso anao avy tao

"izay niantso anareo hivoaka"

### tao amin'ny haizina hankao amin'ny hazavany mahatalanjona

Eto ny "ny haizina" dia maneho ny toe-piainan'izy ireo amin'ny maha olona mpanota izay tsy mahafantatra an'Andriamanitra, ary ny "hazavana" dia maneho ny toe-piainan'izy ireo amin'ny maha olona izay mahafantatra an'Andriamanitra sy mampihatra ny fahamarinana. DH: :avy amin'ny fiainan'ny fahotana sy ny tsy fahalalana an'Andriamanitra mankany amin'ny fiainan'ny fahalalana sy mankasitraka Azy"

### Tsy nandray famindram-po ianao, fa ankehitriny ianao nandray famindram-po.

Eto ny "famindram-po", izay fanehoan'Andriamanitra ny hatsaram-panahiny amin'ireo olona izay tsy mendrika izany, dia atao tahaka ny hoe zavatra afaka raisina amin'ny tanana.

## 1 Peter 2:11

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Petera manomboka miresaka momba ny hoe ahoana ny fiainan'ny Kristiana.

### Ny vahiny sy mpirenireny

Ireo teny roa ireo dia mitovy dikan-teny. Petera miresaka ny mpamakiny ho toy ny olona izay miaina any amin'ny tany vahiny lavitry ny tranony. Jereo ny nandikanao ny "ireo vahiny" ao amin'ny 1:1

### Mba hifady ny filàn'ny nofo

Eto ny nofo dia manondro ny toetra maha-mpanota voajanahary ny olombelona eto amin'izao tontolo izao lavo ity. DH: "mba tsy hilefitra amin'ny fanirian-dratsy."

### Mahatonga ady manohitra ny fanahinareo"

Eto ny hoe: "fanahy" dia manondro ny fiainana ara-panahin'ny olona. Petera dia miresaka ny fanirian-dratsy ho toy ny miaramila izay manandrana ny

manimba ny fiainana ara-panahin'ireo mpino. DH: "mitady izay hanimbàna ny fiainam-panahinareo"

### Tokony manana fitondran-tena tsara ianareo

Petera dia miresaka ireo mpino izay manana fitondran-tena tsara ho toy ny zavatra izay afaka hananan'izy ireo izany, fa tsy hetsika izay afaka jeren'ireo tsy mino ataon'izy ireo.

### raha miresaka momba anareo ... izy ireo

"fa raha manendrikendrika anareo izy ireo"

### dia tokony hahita ireo asa tsaranareo

Petera miresaka ireo mpino miasa tsara ho toy ny zavatra izay afaka hitan'ireo tsy mpino, fa ireo hetsika kosa izay afaka jeren'izy ireo ataon'ireo Kristiana.

### amin'ny andro izay hahatongavany

Izany dia milaza ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra. Afaka adika hoe. DH: "rehefa tonga hitsara ny olon-drehetra Izy"

## 1 Peter 2:13

### noho ny amin'ny Tompo

Mety ho dikany 1) amin'ny fankatoavana ireo fahefan'ny olombelona, izy ireo dia mankatoa ny Tompo izay nametraka ireo fahefana na 2) amin'ny fankatoavana ireo fahefan'ny olombelona, izy ireo dia hanome voninahitra an'i Jesosy izay nankatoa ihany koa ireo fahefan'ny olona.

### toy ny ambony indrindra ny mpanjaka

"ny mpanjaka ho toy ny fahefana ambony indrindran'ny olombelona"

### izay nalefa mba hanasazy

Afaka adika hoe. DH: "ireo nalefan'ny mpanjaka mba hanasazy"

### amin'ny fanaovana ny tsara anareo dia mampangina ny resaka tsy mahalala fomban'ny olona adala

"amin'ny fanaovana tsara ianareo dia manajanona ny olona adala amin'ny firesahana momba ireo zavatra izay tsy fantatr'izy ireo"

### ho toy ny fanaronana fahalemena

Petera miresaka ny fepetran'izy ireo ho toy ny olona afaka tahaka ny zavatra iray izay nampiasain'izy ireo mba hanafenana fitondran-tena feno fahotana. DH: "ho toy ny fialan-tsiny ny fanaovana ireo zavatra ratsy"

### firahalalahiana

"izany dia manondro ireo mpino Kristiana rehetra.

## 1 Peter 2:18

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Petera manomboka miresaka manokana ny mpino izay mpanompo ao amin'ny tranon'ny olona.

**ny tsara sy ho tompo tsara fanahy**

Eto ny teny "tsara" sy "tsara fanahy" dia mitovy dikan-teny ary manamafy fa toy ireo tompo izay mitondra ireo mpanompony am-pahatsorana. DH: "tompoma tena tsara fanahy"

**mendri-piderana izany**

"izay mendrika ho deraina" na "izay mahafaly an'Andriamanitra"

**miaritra fanaintainana ... noho ny fanantenany an'Andriamanitra**

Mety ho dikany 1) fa izany olona izany dia manaiky ny mijaly satria izy mahafantatra, izy mankatoa an'Andriamanitra na 2) fa izany olona izany dia afaka miaritra fanasaziana tsy marina satria izy mahafantatra fa Andriamanitra mahafantatra izay nijaliany.

**Fa ohatrinona ny vola raha ... mandritry ny fanasaziana anao avy eo?**

Petera mametraka izany fanontaniana izany mba hanamafy fa tsy misy mendri-piderana momba ny fijaliana ny amin'ny fanaovana ratsy. DH: "Fa tsy misy trosa ... raha nosaziana"

**miaritra mandritry ny fanasaziana**

Afaka adika hoe. DH: "mijaly ianareo raha misy olona manasazy anareo"

**1 Peter 2:21****Fampifandraisana foto-kevitra:**

Petera manohy miresaka ny olona izay mpanompo any amin'ny tranon'ny olona.

**Fa noho ity no niantsoana anao**

ny teny "ity" dia milaza ireo mpino miaritra ny fijaliana ny amin'ny fanaovana ny tsara, tahakan'i namaritan'i Petera . Afaka adika hoe. DH: "Andriamanitra niantso anareo ho amin'izany"

**ho anao Izy mba hanarahana ireo lalany**

"mba hanarahanao ny dian-tongotr'i Kristy." Petera miresaka ny fanarahana ny ohatr'i Kristy tamin'ny fomba izay nijalian'izy ireo tahaka ny olona izay mandeha eo amin'ny lalana izay noraisin'i Jesosy. DH: "Fa ianareo mpaka tahaka ny toetrany"

**na hoe nisy fitaka teo am-bavany**

Afaka adika hoe. DH: "na nahitana fitaka tao ambavany"

**Rehefa notenenana ratsy Izy**

Ny teny "niteny ratsy" dia midika fanararaotan'ny olon-kafa. Izany dia afaka adika hoe. DH: "rehefa manopa anareo ny olona"

**nanolotra ny tenany tamin'ilay iray izay Mpitsara ampahamarinana.**

"izy nanankina ny tenany ho an'ilay iray izay mitsara marina." Izany dia midika fa nahatoky an'Andriamanitra izy mba hanala ny fahamenarany, izay nalaina teo aminy tamin'ireo izay nitondra azy tamin'ny mafy.

**1 Peter 2:24****Fampifandraisana foto-kevitra:**

Petera manohy miresaka momba an'i Jesosy Kristy. Izy mbola miresaka ny olona izay mpanompo

**Izy tenany**

Izany dia manondro an'i Jesosy

**nitondra ny fahotantsika tao amin'ny tenany ho eo ambony hazo**

eto ny teny "nitondra ireo fahotantsika" dia midika fa izy nijaly ny fanasaziana ireo otantsika. DH: "nijaly ny fanasaziana ho an'ireo otantsika teo amin'ny vatany teo amin'ny hazo"

**hazo**

izany dia manambara ny hazo fijaliana.

**Tamin'ny alalan'ny ratrany no nahasitrana anao**

Afaka adika. DH: "Andriamanitra nanasitrana anareo satria ny olona nandratra Azy"

**Nirenireny toy ny ondry very ianareo rehetra**

Petera miresaka momba ny mpamakiny mialohan'ny ninoan'izy ireo an'i Kristy ho toy ny ondry very mirenireny manodidina tsy misy tanjona.

**mpiandry ondry sy mpiambina ny fanahinareo**

Petera miresaka an'i Jesosy ho toy ny mpiandry ondry. Tahaka ny mpiandry ondry izay miaro ny ondriny, Jesosy miaro ireo izay mahatoky ao Aminy.

## Chapter 3

<sup>1</sup> Amin'izany fomba izany, Ianareo vehivavy dia tokony hanaiky ny vadinareo. Ataovy izany na dia misy lehilahy maro aza tsy mankatoa ny teny, ary mety ho azo izy ireo na tsy misy aza ny teny, amin'ny alalan'ny fitondran-tenan'ny vadin'izy ireo. <sup>2</sup> Fa izy ireo dia hahita ny fitondran-tena mendrikareo ampanajana. <sup>3</sup> Aoka izany ho tanteraka tsy miaraka amin'ireo haingo ivelany: randram-bolo, firavaka volamena, na akanjo lamaody. <sup>4</sup> Fa kosa, aoka izany ho tanteraka miaraka amin'izay ao am-pon'ny olona, sy ny hatsarana maharitrany fanahy tsara sy mangina, izay sarobidy eo anatrehan'Andriamanitra. <sup>5</sup> Fa ireo vehivavy masina taloha no nandravaka ny tenan'izy ireo toy izany. Nanana fahatokiana an'Andriamanitra izy ireo ary nanaiky ny vadiny avy. <sup>6</sup> Toy izany fomba izany no nankatoavan'i Abrahama an'i Saraha sy niantsoany azy ho tompony. Ianareo dia zanany ankehitriny raha manao izay tsara sy tsy matahotra olona ianareo. <sup>7</sup> Toy izany ihany, ianareo lehilahy dia tokony miaina miaraka amin'ny vadinareo araky ny fahazavan-tsaina, toy ny fanaka malemy kokoa, ny vehivavy. Tokony omenareo voninahitra izy ireo tahaka ny mpiara-mandova ny fanomezan'ny fiainana. Ataovy izany mba tsy ho voasakana ny vavakareo. <sup>8</sup> Farany, ianareo rehetra, aoka hiray saina, hangoraka, hifankatia tahaka ny mpirahalaha, ho tso-po, ary hanetri-tena. <sup>9</sup> Aza mamaly ratsy ny ratsy na manevateva ny mpanevateva. Mifanohitra amin'izay aza, mitahia hatrany, fa noho izany no niantsoana anareo, mba hahafahanareo mandova ny fitahiana. <sup>10</sup> "Ilay iray izay te hankafy ny fiainana sy te hahita andro tsara dia tokony hanatsahatra ny lelany amin'ny ratsy sy ny molony amin'ny fitenenana fitaka. <sup>11</sup> Aoka izy hiala amin'ny atao hoe ratsy ary hanao izay tsara. Aoka izy hitady fiadanana sy hitaky izany. <sup>12</sup> Ny mason'ny Tompo mahita ny marina, ary ny sofiny mandre ireo fangatahan'izy ireo. Fa ny tavan'ny Tompo dia manohitra ireo izay manao ratsy." <sup>13</sup> Iza ilay iray izay hamely anareo raha maniry ny hanao ny tsara ianareo? <sup>14</sup> Nefa raha mijaly nohon'ny fahamarinana ianareo, dia sambatra. Aza matahotra izay hatahoran'izy ireo. Aza mangorohoro. <sup>15</sup> Fa kosa, atokano toy ny masina ao am-ponareo ilay Tompo Kristy. Mivonona hatrany hamaly ny olona rehetra izay manontany anareo ny antony hatokinareo an'Andriamanitra. Ataovy amin'ny halemam-panahy sy fanajana izany. <sup>16</sup> Manàna feon'ny fieritreretana madio mba ny olona izay manevateva ny fiainana tsaranareo ao amin'i Kristy dia mety menatra satria miteny manohitra anareo izy ireo toy ny hoe mpanao ratsy ianareo. <sup>17</sup> Tsara kokoa, raha Andriamanitra no maniry, fa mijaly ianareo amin'ny fanaovana ny tsara nohon'ny fanaovana ny ratsy. <sup>18</sup> Efa nijaly nohon'ny fahotana ihany koa i Kristy. Izy izay marina dia nijaly ho antsika, izay tsy marina, mba hitondrany antsika eo amin'Andriamanitra. Novonoina tamin'ny nofo Izy, fa novelomin'ny Fanahy. <sup>19</sup> Tamin'ny alalan'ny Fanahy, dia nandeha izy ary nitovy ho an'ireo fanahy izay any am-ponja ankehitriny. <sup>20</sup> Tsy nankatoa izy ireo rehefa niandry ny faharetan'Andriamanitra tamin'ny andron'i Noa, tamin'ny andron'ny fananganana sambofiara, ary Andriamanitra namonjy olona vitsy \_ fanahy valo \_ tamin'ny rano. <sup>21</sup> Izany no famantarana ny batisa izay mamonjy anareo ankehitriny \_ tsy toy ny fanadiovana ny loto amin'ny vatana, fa toy ny antson'ny feon'ny fieritreretana ho amin'Andriamanitra \_ tamin'ny alalan'ny fitsangan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty. <sup>22</sup> Kristy dia eo an-tanana ankavanana'Andriamanitra. Niakatra any an-danitra izy. Ireo anjely, ireo manam-pahefana, ary ny hery dia tsy maintsy manaiky Azy.

### 1 Peter 3:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Manomboka miresaka manokana amin'ireo vehivavy manam-bady i Petera.

**Amin'izany fomba izany, Ianareo vehivavy dia tokony hanaiky ny vadinareo**  
Toy ny mpino izay tokony "hankatoa ny fahefan'olombelona rehetra" (2:13) sy ny mpanompo izay tokony "hanaiky" ny tompon'izy ireo (2:8), ny vehivavy koa dia tokony hanaiky ny vadin'izy ireo. Ny teny hoe "mankatoa," sy "manaiky" dia adika amin'ny teny iray ihany.

**misy lehilahy maro aza tsy mankatoa ny teny**  
Eto ny "teny" dia maneho ny hafatry ny filazantsara. Ny tsy fankatoavana dia midika fa tsy mino izy ireo. Jereo ny fomba nandikanao ny teny mitovy amin'izany ao amin'ny 2:7. DH: "misy olona sasany tsy mino ny hafatra momba an'i Jesosy"

**mety ho azo izy ireo**  
"mety ho resy lahatra ny hino an'i Jesosy izy ireo." Midika izany fa ny lehilahy tsy mpino dia ho tonga mpino. Azo atao hoe DH: "mety ho tonga mpino izy ireo"

**na tsy misy aza ny teny**  
"na tsy miteny aza ilay vehivavy." Eto ny "teny" dia ilazana ny teny ambaran'ny vehivavy.



**Fa izy ireo dia hahita ny fitondran-tena mendrikareo am-panajana**

Ataon'i Petera toy ny hoe zavatra hita maso ny toetra, mihoatra nohon'ny asa izay lanjain'ny olona.

**ny fitondran-tena mendrikareo am-panajana**

Ireo mety ho dikany dia 1) "ny fitondran-tena marinareo manoloana azy ireo sy ny fomba fanajanareo azy ireo" na 2) "ny fitondran-tena madionareo manoloana azy ireo sy ny fomba fanajanareo an'Andriamanitra."

### 1 Peter 3:3

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miresaka amin'ireo vehivavy manam-bady i Petera.

**aoka izany ho tanteraka**

Ny teny hoe "izany" dia maneho ny faneken'ireo vehivavy sy ny fitondran-tenan'izy ireo manoloana ny vadin'izy ireo.

**izay ao am-pon'ny olona**

Eto ny teny hoe "ao am-pon'ny olona" sy ny "fo" dia ilazana ny toetra anatin'ny olona. DH: "ny tena maha-ianao anao any anaty"

**ny fanahy tsara sy mangina**

"toetra tsara sady tony." Eto ny teny hoe "mangina" dia midika hoe "tony." Ny teny hoe "fanahy" dia ilazana ny toetra na fihetsiky ny olona.

**izay sarobidy eo anatrehan'Andriamanitra**

Ny hevitr'Andriamanitra momba ny olona iray dia ataon'i Jakoba toy ny hoe mijoro mivantana eo anoloany io olona io. DH: "izay raisin'Andriamanitra ho sarobidy"

### 1 Peter 3:5

**niantsoany azy ho tompony**

nilaza fa Andriamaniny Izy, izany hoe, Tompony

**Ianareo dia zanany ankehitriny**

Milaza i Petera fa ny vehivavy mpino izay manao toy ny nataon'i Saraha dia azo raisina ho toy ny tena zanany.

### 1 Peter 3:7

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Manomboka miresaka manokana amin'ireo lehilahy manam-bady i Petera.

**Toy izany ihany**

Miverina maneho ny fomba nankatoavan'i Saraha sy ireo vehivavy araka an'Andriamanitra ny vadin'izy ireo tao amin'ny 3:5 i Petera.

**vadinareo araky ny fahazavan-tsaina, toy ny fanaka malemy kokoa, ny vehivavy**

Resahin'i Petera toy ny hoe fitoeran-javatra ny vehivavy, toy ny fomba fiantso ny lehilahy indraindray. DH: "vadinareo, amin'ny fahalalana fa ny vehivavy dia namana malemy kokoa"

**omenareo voninahitra izy ireo tahaka ny mpiara-mandova ny fanomezan'ny fiainana**

Azonao adika hoe DH: "hajao izy ireo satria izy ireo ihany koa dia handray ny fiainana mandrakizay izay omen'Andriamanitra"

**mandova ny fanomezan'ny fiainana**

Ny fiainana mandrakizay matetika dia resahina toy ny hoe zavatra ho lovain'ny olona.

**Ataovy izany**

Eto ny hoe "izany" dia maneho ny fomba tokony hitondran'ny lehilahy ny vadiny. DH: "Miarahamaina amin'ny vadinareo tahaka izao"

**mba tsy ho voasakana ny vavakareo**

Ny atao hoe "manakana" dia fisakanana ny zavatra iray mba tsy hitranga. Azo atao hoe DH: "mba tsy hisy hanakana ny vavakareo" na "mba tsy hisy hanakana anareo hivavaka araka ny tokony ho ataonareo"

### 1 Peter 3:8

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Manomboka miresaka amin'ireo mpino rehetra indray i Petera.

**hiray saina**

"hanana hevitra mitovy" na "hanana toetra mitovy"

**ho tso-po**

Ilazana fitiavana mafonja ho an'ireo olona hafa io.

**Aza mamaly ratsy ny ratsy na manevateva ny mpanevateva**

Ny famaliana ny nataon'ny olona hafa dia resahin'i Petera toy ny hoe mamerina ny tambin'ireo asa ireo ihany. DH: "Aza manao ratsy ireo izay manao ratsy aminareo na manevateva izay manevateva anareo"

**mitahia hatrany**

Azonao atao mazava ny famenon'izany fitahiana izany. DH: "mitahia hatrany ireo izay manao ratsy aminareo na manevateva anareo"

**fa noho izany no niantsoana anareo**

Azo atao hoe DH: "izany no niantsoan'Andriamanitra anareo"

**mba hahafahanareo mandova ny fitahiana**

Ataon'i Petera toy ny hoe mandray lova ny fandraisana ny fitahian'Andriamanitra. DH: "mba handraisanareo ny fitahian'Andriamanitra ho fanananareo maharitra"

**1 Peter 3:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ato amin'ireto andininy ireto dia mamerina teny avy ao amin'ny Salamo i Petera.

**hankafy ny fiainana sy te hahita andro tsara**

Ireo fehezanteny roa ireo dia samy mitovitovy hevitra ary manamafy ny faniriana ny hanana fiainana tsara.

**hahita andro tsara**

Eto ny fiainana zavatra tsara dia toy ny hoe mahita zavatra tsara. Ny teny hoe "andro" dia ilazana ny androm-piainan'ny olona iray. DH: "hiaina zavatra tsara mandritra ny fiainany"

**hanatsahatra ny lelany amin'ny ratsy sy ny molony amin'ny fitenenana fitaka**

Ny teny hoe "lela" sy "molotra" dia ilazana ny olona miteny. Ireo teny roa ireo dia mitovy hevitra ihany ary manamafy ny didy mba tsy handainga. DH: "atsaharo ny fitenenana zavatra ratsy sy feno fitaka"

**Ny mason'ny Tompo mahita ny marina**

Ny teny hoe "maso" dia ilazana ny fahafahan'ny Tompo mahafantatra zavatra. Ny faneken'Andriamanitra ny olo-marina dia toy ny hoe fahitany azy ireo. DH: "Ny Tompo mahita ny marina" na "Ny Tompo manaiky ny olo-marina"

**ary ny sofiny mandre ireo fangatahan'izy ireo**

Ny teny hoe "sofina" dia ilazana ny fahafantarana'ny Tompo izay lazain'ny olona. Ny hevitr'izany dia hoe mamaly azy ireo ihany koa Izy. DH: "mandre ny fangatahan'izy ireo Izy" na "mamaly ny fangatahan'izy ireo Izy"

**Fa ny tavan'ny Tompo dia manohitra**

Ny teny hoe "tava" dia ilazana ny fahavononan'ny Tompo hanohitra ireo fahavalony. Ny fanoherana olona iray dia toy ny hoe mametraka ny tarehiny manoloana io olona io. DH: "ny Tompo manohitra"

**1 Peter 3:13****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy mampianatra ireo mpino ny amin'ny fomba hiainana ny fiainana Kristiana i Petera.

**Iza ilay iray izay hamely anareo raha maniry ny hanao ny tsara ianareo?**

Mametraka io fanontaniana io i Petera mba hanindriana fa tsy hisy olona hamely azy ireo raha manao ny tsara izy ireo. DH: "tsy hisy hamely anareo raha manao zavatra tsara ianareo"

**mijaly nohon'ny fahamarinana**

Azonao adika hoe DH: "mijaly satria manao ny mety ianareo"

**dia sambatra**

Azo atao hoe DH: "hitahy anareo Andriamanitra"

**Aza matahotra izay hatahoran'izy ireo. Aza mangorohoro.**

Ireo fehezanteny anankiroa ireo dia mitovitovy hevitra ary manindry fa ireo mpino dia tsy tokony hatahotra ireo izay manenjika azy ireo. DH: "Aza matahotra ny amin'izay mety ho ataon'ny olona aminareo"

**izay hatahoran'izy ireo**

Eto ny teny hoe "izy ireo" dia manondro izay rehetra mikasa ny hamely ireo olona hanoratan'i Petera.

**1 Peter 3:15****Fa kosa**

"Raha tokony hatahotra sy hangorohoro, dia ... kosa"

**atokano toy ny masina ao am-ponareo ilay Tompo Kristy**

Ny fehezanteny hoe "atokano ho masina... ilay Tompo Kristy" dia midika fanekena ny fahamasinan'i Kristy. Io fihetsika io dia atao toy ny hoe mametraka zavatra iray eo amin'ny fitoeram-boninahitra.

**ao am-ponareo**

Eto ny ao anatin'ny olona iray sy ny ivon'ny fihetseham-po dia atao hoe "fo." DH: "amin'ny fahavononanareo rehetra"

**1 Peter 3:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manazava ny fomba nijalian'i Kristy sy ny zavatra tanterak'i Kristy tamin'ny fijaliany i Petera.

**nijaly ho antsika**

Ny teny hoe "antsika" dia manondro an'i Petera sy ireo mpamaky.

**mba hitondrany antsika eo amin'Andriamanitra**

Ny tian'i Petera ho lazaina eto dia hoe maty i kristy mba hanorina fifandraisana akaiky eo amin'Andriamanitra sy isika.

**Novonoina tamin'ny nofo Izy**

Eto ny hoe "nofo" dia ilazana ny vatan'i Kristy; novonoina ara-nofo i Kristy. Azo atao hoe DH: "Novonoin'ny olona ara-nofo i Kristy"

**fa novelomin'ny Fanahy**

Azo atao hoe DH: "Nataon'ny Fanahy velona Izy"

**ny Fanahy**

Ireo mety ho dikany dia 1) amin'ny herin'ny Fanahy Masina

**Tamin'ny alalan'ny Fanahy, dia nandeha**

Ireo mety ho dikany dia 1) "Tamin'ny herin'ny Fanahy Masina, dia nandeha" na 2) "tamin'ny endrika ara-panahy, dia nandeha"

**ireo fanahy izay any am-ponja ankehitriny**

Ireo mety ho dikan'ny teny hoe "ireo fanahy" dia 1) "fanahy ratsy" na 2) "fanahin'ireo olona maty."

**niandry ny faharetan'Andriamanitra**

Ny teny hoe "faharetana" dia ilazana an'Andriamanitra mihitsy. Manoratra momba ny faharetan'Andriamanitra toy ny hoe olona i Petera. DH: "raha niandry am-paharetana Andriamanitra"

**tamin'ny andron'i Noa, tamin'ny andron'ny fananganana sambofiara**

Azo atao ho DH: "tamin'ny andron'i Noa, rehefa nanangana sambofiara izy"

**fanahy valo**

Eto ny teny hoe "fanahy" dia ilazana ny olona. DH: "olona valo"

**1 Peter 3:21****Izany no famantarana ny batisa izay mamonjy anareo ankehitriny**

Ambaran'i Petera fa ny batisa dia mifandraika amin'ny fomba namonjen'Andriamanitra an'i Noa sy

ny fianakaviany tao amin'ny sambofiara tamin'ny safo-drano.

**ny batisa izay mamonjy anareo ankehitriny**

Ny batisa dia midika fa mamonjy ny olona Andriamanitra. DH: "ny batisa izay hamonjen'Andriamanitra anareo ankehitriny"

**ny antson'ny feon'ny fieritreretana tsara amin'Andriamanitra**

Ireo mety ho dikany dia 1) "ny antson'ny olona amin'Andriamanitra mba hanome fieritreretana tsara azy" 2) "ny voadin'ny olona iray amin'Andriamanitra izay natao tamin'ny eritreritra tsara, izany hoe, am-pahamarinana."

**tamin'ny alalan'ny fitsangan'I Jesosy Kristy tamin'ny maty**

"nohon'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty." Io fehezanteny io no mameno ny hevitra hoe: "Marika famantarana ny batisa izay mamonjy anareo ankehitriny."

**manaiky Azy**

"manaiky an'i Jesosy Kristy"

## Chapter 4

<sup>1</sup> Noho izany, satria nijaly tamin'ny nofo i Kristy, dia ataovy fiadian'ny tenanareo izany tanjona izany. Fa izay rehetra nijaly tamin'ny nofo dia nitsahatra tamin'ny fahotana. <sup>2</sup> Vokatr'izany, ny olona toy izany, mandritra ny fotoana sisa hiainany, dia tsy hiaina ho an'ny fanirian'ny olona intsony, fa ho an'ny sitrapon'Andriamanitra. <sup>3</sup> Fa ampy izay ny fotoana lasa nanaovana izay tian'ny Jentilisa atao- hafalian'ny nofo, fijejojejoana, fimamoana, fitondran-tena mahamenatra, filalaovan-dratsy, ary ireo asan'ny fanompoan-tsampy maharikoriko. <sup>4</sup> Heverin'izy ireo fa hafahafa satria tsy mikambana amin'izy ireo ao amin'izany fanaranam-po be izany ianareo, noho izany dia hiteny ratsy momba anareo izy ireo. <sup>5</sup> Hamaly ny iray izay vonona hitsara ny velona sy ny maty izy ireo. <sup>6</sup> Noho izany antony izany no nitoriana ny vaovao mahafaly tamin'ireo maty ihany koa, mba, na dia notsaraina tamin'ny nofo toy ny olona aza izy ireo, dia hiaina toa an'Andriamanitra ao amin'ny fanahy. <sup>7</sup> Manakaiky ny faran'ny zavatra rehetra. Noho izany tongava saina, ary mahonona tena amin'ny eritreritranareo ho an'ny fitiavam-bavaka. <sup>8</sup> Ambonin'ny zavatra rehetra, manàna fitiavana feno ho an'ny tsirairay avy, fa ny fitiavana mandrakotra fahotana maro. <sup>9</sup> Mifampiantranoa tsy am-pitarainana. <sup>10</sup> Fa ny tsirairay aminareo dia nandray fanomezam-pahasoavana, ampiasao hifanomboana izany. Manaova izany toy ny mpitan-draharahan'ny fanomezam-pahasoavana maro maimaimpoana an'Andriamanitra. <sup>11</sup> Raha misy miteny, aoka izy hanao izany toy ny iray miteny ny tenin'Andriamanitra. Raha misy manompo, aoka izany ho avy amin'ny hery izay vatsian'Andriamanitra. Manaova ireo zavatra ireo mba homem-boninahitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy amin'ny fomba rehetra Andriamanitra. Aoka ho an'i Jesosy Kristy ny voninahitra sy hery mandrakizay doria. Amena. <sup>12</sup> Ry malala, aza raisina ho hafahafa ny fitsapana amin'ny afo izay nitranga taminareo, toy ny hoe nisy zavatra hafahafa nitranga taminareo. <sup>13</sup> Fa kosa, na dia betsaka aza ny hiainanareo ireo fijalian'i Kristy, mifalia, mba ho afaka hifaly ihany koa ianareo ary ho ravoravo amin'ny fanambarana ny voninahiny. <sup>14</sup> Raha notevatevaina noho ny anaran'i Kristy ianareo, dia voatahy, satria ny Fanahin'ny voninahitra sy ny Fanahin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminareo. <sup>15</sup> Fa aoka tsy hisy na iza na iza aminareo hijaly toy ny mpamono olona, mpangalatra, mpanao ratsy, na mpiraharaha ny an'ny hafa. <sup>16</sup> Fa raha misy mijaly fa Kristiana, aoka izy tsy ho menatra; fa kosa, aoka hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'izany anarana izany izy. <sup>17</sup> Fa fotoana izao hanombohana ny fitsarana miaraka amin'ny ankohonan'Andriamanitra. Raha manomboka amintsika izany, inona no ho vokatra ho an'ireo izay tsy mankatò ny filazantsaran'Andriamanitra? <sup>18</sup> Ary raha "ny olo-marina aza ila tsy ho voavonjy, amin'ny fomba ahoana no hisehoan'ny olona tsy an'Andriamanitra sy ny mpanota?" <sup>19</sup> Noho izany aoka ireo izay mijaly noho ny sitrapon'Andriamanitra hanankina ny fanahin'izy ireo amin'ny Mpamorona mahatoky amin'ny fanaovan-tsoa.

### 1 Peter 4:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Petera dia manohy ny fampianarana ireo mpino momba ny fiainan'ny Kristiana. Atombony amin'ny fanomezana ny fehin-keviny tao amin'ny toko teo aloha momba ireo fijalian'i Kristy.

#### tamin'ny nofo

"tamin'ny vatany"

#### ataovy fiadian'ny tenanareo izany tanjona izany

Ny teny hoe: "ataovy fiadian'ny tenanareo" dia mahatonga ny mpamaky ieritreritra miaramila mitam-piadiana izay vonona amin'ny ady. Ny hoe: "izany tanjona izany" ihany koa dia tahaka ny sarisarin'ny fitaovam-piadiana na fiarovana-tena. Eto ny sarin-teny dia midika fa ireo mpino dia tokony ho tapa-kevitra ao an-tsainy mba hijaly tahaka an'i Jesosy. DH: "omano amin'ny fisainana tahaka izay nananan'i Kristy ny tenanareo"

#### nijaly tamin'ny nofo

Eto ny hoe: "nofo" dia midika hoe ny fotoana iainantsika eto an-tany. DH: "nijaly raha mbola teto an-tany"

#### nitsahatra tamin'ny fahotana

"tsy nanota intsony"

#### ho an'ny fanirian'ny olona

ho an'ny zavatra feno fahotana izay irian'ny olona amin'ny ankapobeny.

### 1 Peter 4:3

#### fitondran-tena mahamenatra, filalaovan-dratsy

Ireo teny ireo dia maneho ny olona izay mihaona mba hisotro toaka be loatra ka manao fihetsika mahamenatra.

#### fanaranam-po be

Ireo ohatry ny ota ratsy, sy tsy misy fetra ireo dia resahina toy ny hoe tondra-drano lehibe mifaoka ny olona.

**fanaranam-po be**

faniriana tsy manam-petra amin'ny faniriana arabatana.

**ny iray izay vonona hitsara**

Ireo mety ho dikany 1) "Andriamanitra, izay efa vonona hitsara" na 2) "Kristy, izay efa vonona hitsara"

**ny velona sy ny maty**

Izany dia midika hoe ny olon-drehetra, na velona izy ireo na maty. DH: "ny olon-drehetra"

**no nitoriana ny vaovao mahafaly tamin'ireo maty ihany koa**

Ireo mety ho dikany 1) "ny vaovao mahafaly dia notoriana tamin'ireo olona efa maty ihany koa" na 2) "ny vaovao mahafaly dia notoriana ihany koa tamin'ireo velona izay efa maty ankehitriny "

**ny vaovao mahafaly dia notoriana**

Ireo mety ho dikany: 1) Kristy dia nitory. DH: "Kristy nitory ny vaovao mahafaly na 2) Nitory ny olona. DH: "Nitory ny vaovao mahafaly ny olona"

**notsaraina tamin'ny nofo toy ny olona aza izy ireo**

Ireo mety ho dikany: 1) Andriamanitra dia nitsara azy ireo tamin'ny fiainana teto an-tany. DH: "Andriamanitra nitsara arabatana azy ireo" na 2) ny olona nitsara azy ireo araka ny fanaon'ny olombelona. DH: "ny olona dia nitsara arabatana azy ireo"

**notsaraina tamin'ny nofo toy ny olona aza izy ireo**

Izany dia maneho ny fahafatesana izay endrim-pitsarana farany.

**hiaina toa an'Andriamanitra ao amin'ny fanahy**

Ireo mety ho dikany 1) "miaina ara-panahy tahaka ny niainan'Andriamanitra satria ny Fanahy Masina dia mamela azy ireo hanao toy izany" na 2) "miaina araky ny fanaon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina"

**1 Peter 4:7****Manakaiky ny faran'ny zavatra rehetra**

Izany dia maneho ny faran'izao tontolo izao amin'ny fahatongavan'i Kristy fanindroany.

**Manakaiky**

hiseho tsy ho ela.

**tongava saina, ary mahonona tena amin'ny eritreritrareo**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika. Mampiasa azy ireo miaraka i Petera mba hanantitraterana ny filàna fisainana mazava momba ny fiainana satria efa akaiky ny faran'izao tontolo izao.

**ary mahonona tena amin'ny eritreritrareo**

Eto ny teny hoe: "mahonona tena" dia maneho ny fahazavan-tsaina sy fahamailoana. DH: "fehezo ny

eritreritrareo" na "mitandrema ny amin'izay eritreretrareo." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:13.

**Ambonin'ny zavatra rehetra**

"Manan-danja indrindra amin'ny rehetra"

**fa ny fitiavana mandrakotra fahotana maro**

Petera dia mamaritra ny "fitiavana" toy ny hoe olona izay mandrakotra lamba amin'ny fahotan'ny hafa. Ireo mety ho dikany 1) "fa ny olona izay tia dia tsy hijery raha nanota ny olona hafa" na 2) "fa ny olona izay tia dia mamela ny fahotan'ireo hafa, na dia betsaka aza ny fahotan'izy ireo"

**Mifampiantranoa**

manehoa hatsaram-panahy ary ampiantranoy ireo vahiny sy ireo mpandalo.

**1 Peter 4:10****Fa ny tsirairay aminareo dia nandray fanomezam-pahasoavana**

Izany dia maneho fahaiza-manao ara-panahy izay omen'Andriamanitra ireo mpino. DH: "Fa ny tsirairay aminareo dia nandray ny fahaiza-manao ara-panahy ho fanomezana avy amin'Andriamanitra"

**aoka izy hanao izany toy ny iray miteny ny tenin'Andriamanitra**

"aoka izy hiteny tahaka ilay iray izay miteny ny tenin'Andriamanitra marina"

**mba homem-boninahitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy amin'ny fomba rehetra Andriamanitra**

Afaka atao hoe: "amin'ny fomba rehetra no hanomezanareo voninahitra an'Andriamanitra"

**homem-boninahitra**

hoderaina

**1 Peter 4:12****ny fitsapana amin'ny afo izay nitranga taminareo**

Toy ny fomba fanadiovan'ny afo volamena, ny fisedrana dia mitsapa sy manadio ny finoan'ny olona iray.

**mifalia**

DH: "mifalia hatrany" na "mifalia tokoa"

**amin'ny fanambarana ny voninahiny**

Afaka atao hoe: "rehefa hanambara ny voninahitr'i Kristy Andriamanitra"

**Raha notevatevaina noho ny anaran'i Kristy ianareo**

Eto ny teny hoe: "anarana" dia maneho an'i Kristy tenany. Izany dia afaka atao hoe: DH: "Raha manevateva anareo ny olona satria ianareo dia mino an'i Kristy"

**ny Fanahin'ny voninahitra sy ny Fanahin'Andriamanitra**  
Ireo roa ireo dia maneho ny Fanahy Masina. DH:  
"Ny Fanahin'ny voninahitra, izay  
Fanahin'Andriamanitra" na "ny Fanahy be  
voninahitr'Andriamanitra"

**dia mitoetra ao aminareo**  
dia mitoetra miaraka aminareo

### 1 Peter 4:15

**mpiraharaha ny an'ny hafa**  
Izany dia maneho olona iray izay mandray anjara  
amin'ny raharahan'ny hafa nefa tsy manana zo  
hanao toy izany.

**amin'izany anarana izany**  
"satria izy mitondra ny anarana hoe Kristiana" na  
"satria ny olona dia mahalala azy ho Kristiana." Ny  
teny hoe: "izany anarana izany" dia maneho ny hoe:  
"Kristiana"

### 1 Peter 4:17

**ankohonan'Andriamanitra**  
Izany dia maneho an'ireo mpino, izay lazain'i Petera  
ho fianakavian'Andriamanitra.

**Raha manomboka amintsika izany, inona no ho vokatra  
ho an'ireo izay tsy mankato ny  
filazantsaran'Andriamanitra?**  
Petera dia mampiasa izany fanontaniana izany mba  
hanamafisana fa ny fitsaran'Andriamanitra dia  
henjana kokoa ho an'ny olona izay mandà ny  
filazantsara noho ny an'ny mpino. DH: "Manomboka

amintsika izany, ny vokatr'ireo izay tsy mankato ny  
filazantsaran'Andriamanitra dia ho ratsy kokoa"

**ireo izay tsy mankato ny filazantsaran'Andriamanitra**  
"ireo izay tsy mino ny filazantsaran'Andriamanitra."  
Eto ny teny hoe: "mankato" dia midika hoe: mino.

**ny olo-marina aza ila tsy ho voavonjy, amin'ny fomba  
ahoana no hisehoan'ny olona tsy an'Andriamanitra sy ny  
mpanota?**  
Petera dia mampiasa io fanontaniana io mba  
hanamafisana fa ireo mpanota dia hijaly bebe kokoa  
noho ireo mpino. DH: "ny olo-marina aza ... ny  
vokatra dia ho ratsy kokoa ho an'ireo tsy mankato  
ny filazantsaran'Andriamanitra."

**ny olo-marina aza ila tsy ho voavonjy**  
Eto ny teny hoe: "voavonjy" dia maneho ny  
famondra farany rehefa miverina i Kristy. Ny teny  
hoe: "ila tsy" dia maneho ireo fahaserotana izay  
mifandray amin'ny famondra. Afaka atao hoe: DH:  
"ny olo-marina dia miaina fahaserotana maro  
alohan'ny hamonjen'Andriamanitra azy"

**ny olona tsy an'Andriamanitra sy ny mpanota**  
Ireo teny hoe: "olona tsy an'Andriamanitra" sy  
"mpanota" dia mitovy dika amin'ny ankapobeny ary  
manamafy ny faharatsian'ireo olona ireo. DH:  
"mpanota tsy an'Andriamanitra"

**hanankina ny fanahin'izy ireo**  
Eto ny teny hoe: "fanahy" dia maneho an'ilay olona  
manontolo. DH: "hanankina ny tenany" na  
"hanankina ny fiainan'izy ireo"

**amin'ny fanaovan-tsoa**  
raha mizatra manao zavatra tsara izy ireo

## Chapter 5

<sup>1</sup> Mananatra ireo loholona aminareo aho, izaho, izay loholona namana. Izaho ihany koa dia vavolombelon'ireo fijalian'i Kristy, ary ihany koa mpikambana ao amin'ny voninahitra izay efa haseho. <sup>2</sup> Noho izany, mananatra anareo aho, ry loholona, andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo. Araho maso izy ireny, tsy amin'ny fahateriterena, fa amin'ny sitraponareo, araka ny sitrapon' Andriamanitra. Araho maso izy ireny, tsy amin'ny vola maloto, fa an-tsitra-po. <sup>3</sup> Aza manjakazaka amin'ny olona izay tandremanareo. Fa kosa, aoka ho fitaratra ho an'ny ondry. <sup>4</sup> Ary rehefa miseho ilay Lohan'ny mpiandry ondry, dia hahazo satro-boninahitra tsy mety simba ianareo. <sup>5</sup> Tahaka izany koa, ianareo tanora fanahy, maneke ny olon-dehibe. Ianareo rehetra, tafio fanetren-tena ny tenanareo ary mifanompoa. Fa Andriamanitra manohitra ny mpirehareha, fa manome fahasoavana ny mpanetry tena. <sup>6</sup> Noho izany manetre tena eo ambanin'ny tana-maherin'Andriamanitra mba hanandratany anareo amin'izany fotoana izany. <sup>7</sup> Apetraho eo aminy ny fanahianareo rehetra, satria Izy no miahy anareo. <sup>8</sup> Mahonona tena, miambena. Ny fahavalonareo, dia ny devoly, miodidinana tahaka ny liona mieronana, mitady izay olona ho arapany. <sup>9</sup> Manohera azy. Miorena amin'ny finoanareo. Fantatrareo fa izany fahorianana izany dia manjo ny firaisan'ireo mpino manerana an'izao tontolo izao ihany koa. <sup>10</sup> Rehefa avy nijaly nandritra ny fotoana fohy ianareo, ny Andriamanitra ny fahasoavana rehetra, izay niantso anareo ho amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy, dia hahatanteraka anareo, hanangana anareo, ary hampahery anareo. <sup>11</sup> Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena <sup>12</sup> Raisiko toy ny rahalahy mahatoky i Silasy, ary nanoratra teny fohifohy ho anareo tamin'ny alalany aho. Mananatra anareo aho ary manambara anareo fa izay nosoratako dia fahasoavana marin'Andriamanitra. Mijoroa amin'izany. <sup>13</sup> Ny vehivavy izay any Babylona, izay voafidy niaraka taminareo, manao veloma anareo. Ary koa i Marka, zanako lahy, manao veloma anareo. <sup>14</sup> Mifanaova veloma amin'ny fanoroham-pitiavana. Ho aminareo rehetra anie ny fiadanana izay ao amin'i Kristy.

### 1 Peter 5:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

I Petera dia miresaka manokana an'ireo lehilahy izay loholona.

#### mpikambana ao amin'ny

"iray izay mizara ao amin'ny" na "iray mandray anjara amin'ny"

#### ny voninahitra izay efa haseho

Izany dia manambara ny momban'ny fiavian'i Kristy fanindroany. DH: "ny voninahitr'i Kristy izay hambaran'Andriamanitra"

#### andraso ny ondrin' Andriamanitra

I Petera dia miresaka ny momba ireo mpino toy ny andian'ondry sy ireo loholona toy ny mpiandry izay mikarakara azy ireo.

#### Araho maso izy ireny

"karakara izy ireo"

#### Aza manjakazaka amin'ny olona...Fa kosa, aoka ho fitaratra

Ireo loholona dia tokony hitarika mba ho fitaratra sy tsy handray andraikitra eo amin'ny olona tahaka ny Tompo masiaka manoloana ireo mpanompony.

#### Ary rehefa miseho ilay Lohan'ny mpiandry ondry

I Petera dia miresaka momba an'i Jesosy tahaka ny hoe izy no mpiandry ondry izay manana ny fahefana eo amin'ireo mpiandry ondry rehetra. "Rehefa i

Jesosy, ny lehiben'ny mpiandry ondry, miseho" na "rehefa manambara an'Andriamanitra i Jesosy, ilay lehiben'ny mpiandry ondry"

#### hahazo satro-boninahitra tsy mety simba ianareo

Eto ny teny hoe "satro-boninahitra" dia maneho ny valisoa. Ny teny hoe: "tsy mety simba" dia midika fa mandrakizay izany. DH: "ny loka be voninahitra izay maharitra mandrakizay"

#### Ny voninahitra

Be voninahitra

### 1 Peter 5:5

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny

I Petera dia manome torolalana manokana ho an'ireo lehilahy tanora ary avy eo manohy ny fampianarany amin'ireo mpino rehetra.

#### Tahaka izany koa

Izany dia miverina milaza ny fomba nanekena ireo loholona ho lehiben'ny mpiandry ondry.

#### Ianareo rehetra

Izany dia milaza an'ireo mpino rehetra, fa tsy lehilahy tanora fotsiny

#### tafio fanetren-tena ny tenanareo

I Paoly dia miresaka momba ny fananana toetra tsara ny fanetren-tena tahaka ny fametrahana akanjo fitondra. DH: "manetre-tena eo amin'ny tsirairay" na "miasa amin'ny fanetren-tena"

**ambanin'ny tana-maherin'Andriamanitra**

Eto ny teny hoe "Tanana" dia milaza ny herin'Andriamanitra mba hamonjena ny manetritena ary manasazy ny mpihahareha. DH: "ambanin'ny herin'Andriamanitra lehibe" na "anatrehan'Andriamanitra, tonga saina fa manana hery lehibe izy"

**Apetraho eo aminy ny fanahianareo rehetra**

I Paoly dia miresaka momba ny fanahiana tahaka ny hoe zavatra mavesatra izay apetrakin'ny olona iray eo amin'Andriamanitra, fa tsy mitondra izany, DH: "minoa azy amin'izay rehetra mampahory anareo" na "aoka izy hikarakara ny zavatra rehetra izay manahirana anareo"

**1 Peter 5:8****Mahonona tena**

Eto ny teny hoe: "mahonona tena" dia milaza ny fahazavana ara-tsaina ary fahamailona . DH: "fehezo ny eritreritrareo" na "mitandrema amin'izay eritreretrareo"

**Ny fahavalonareo, dia ny devoly, miodidina tahaka ny liona...mitady izay olona ho arapany**

I Petera dia mampitaha ny devoly amin'ny liona mieronana. Tahaka ny liona noana mihinana tanteraka ny rembiny, ny devoly dia mitady ny hanimba tanteraka ny finoan'ireo mpino.

**miodidinana tahaka**

"mandeha manodidina" na "mandeha sy mihaza"

**Manohera azy**

"Tohero izy"

**ny firaisan'ireo**

I Paoly dia miresaka momba ireo namana mpino tahaka ireo vondrona amin'ny firaha-monina mitovy. DH: "ireo namanareo mpino"

**izao tontolo izao**

"amin'ny toerana maro manerana izao tontolo izao"

**1 Peter 5:10****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Izany no taratasy faran'i Petera. eto izy dia manome ny fanamarihany farany momba ny taratasiny sy ny fanaovam-beloma.

**nandritra ny fotoana fohy**

"amin'ny fotoana fohy"

**ny Andriamanitry ny fahasoavana rehetra**

Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia manambara na amin'ny zavatra omen'Andriamanitra na ny amin'ny toetran'Andriamanitra. Ireo mety ho dikany 1) "Ilay Andriamanitra izay manome izay ilaintsika

mandrakariva" na 2) "Andriamanitra izay mamindra fo mandrakariva."

**izay niantso anareo ho amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy**

"izay nifidy antsika hizara ny voninahiny mandrakizay any an-danitra satria isika dia miaraka amin'i Kirsty"

**hahatanteraka anareo**

"mamerina anareo" na "manao anareo ho tsara indray"

**hanangana anareo, ary hampahery anareo.**

Ireo teny roa ireo dia manana ny dikany mitovy, izay hoe, fa Andriamanitra dia hahatonga ireo mpino hahatoky azy ary hankato azy na inona na inona fijaliana mety hiainan'izy ireo.

**1 Peter 5:12****ary nanoratra teny fohifohy ho anareo tamin'ny alalany aho**

Silasy nanoratra ireo teny izay nasain'i Petera hosoratana ao amin'ny taratasy.

**izay nosoratako dia fahasoavana marin'Andriamanitra**

"Nanoratra momba ny fahasoavana marin'Andriamanitra aho." Eto ny teny hoe "fahasoavana" dia milaza ny hafatry ny filazantsara, milaza ireo karazan-javatra izay nataon'Andriamanitra ho an'ireo Mpino.

**Mijoroa amin'izany**

Ny teny hoe "izany" dia milaza ny "fahasoavana marin'Andriamanitra," ny fanoloran-tena mafy amin'izany fahasoavana izany dia milaza toy ny fijorona tsara amin'ny toerana iray, mandà tsy hifindra. DH: "mitoera mafy amin'izany"

**Ny vehivavy izay any Babylona**

Eto ny "vehivavy" dia mety milaza ny vondron'ireo mpino izay miaina any "Babylona." Ireo mety ho dikan'ny "Babylona" 1) izany dia famantarana an'ilay tanàna any Roma, 2) izany dia famantarana na aiza na aiza ny fijalian'ireo Kristiana, na 3) izany dia milaza ara-bakiteny ny tanàna any Babylona. Ny ankamaroan'izany dia manondro ny tanànan'i Roma.

**izay voafidy niaraka taminareo**

DH: "Izay nofidian'Andriamanitra toy ny nifidianany anareo"

**izay voafidy niaraka taminareo**

I Petera dia miresaka ny momba an'i Marka tahaka ny hoe izy no zanany ara-panahy. DH: "ny zanako ara panahy" na "izay toy ny zanaka lahy ho ahy"

**amin'ny fanoroham-pitiavana**

"oroka am-pitiavana" na "ny oroka ampisehoana ny fifankatiavana amin'ny tsirairay"



## Book: 2 Peter

### 2 Peter

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Simona Petera, mpanompo sy apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'ireo izay nahazo ny finoana sarobidy tahaka izay noraisinay, finoana ao amin'ny fahamarinan'ny Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Mpamonjy. <sup>2</sup> Hampitomboina anie ny fahasovana sy fiadanana nohon'ny fahalalana an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontosika. <sup>3</sup> Ireo zavatra rehetra mahakasika ny herin' Andriamanitra ho an'ny fiainana sy toe-panahy dia nomena antsika tamin'ny alalan'ny fahalalana an'Andriamanitra, izay niantso antsika tamin'ny alalan'ny voninahiny sy ny fahatsarany manokana. <sup>4</sup> Tamin'ny alalan'ireo, nomeny teny fikasana tsara sady lehibe indrindra isika, mba ho tonga mpizara amin'ny fomban'Andriamanitra ianareo, raha mitsoaka ny fahalotoana izay eto an-tany noho ireo filàn-dratsy. <sup>5</sup> Noho izany, manaova ny tsara indrindra mba hanampiana fahatsarana amin'ny alalan'ny finoanareo, ary amin'ny alalan'ny fahatsaranareo, ny fahalalana. <sup>6</sup> Amin'ny alalan'ny fahalalanareo, manampia fahononam-po, ary amin'ny alalan'ny fahononam-ponareo, manampia fiaretana, ary amin'ny alalan'ny fiaretanareo, manampia toe-panahy. <sup>7</sup> Amin'ny alalan'ny toe-panahinareo, manampia fitiavana rahalahy, ary amin'ny alalan'ny fitiavana rahalahy, manampia fitiavana. <sup>8</sup> Raha ao aminareo ireo ary mitombo ao aminareo, dia tsy tsy hamoa na tsy tsy hamokatra amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompontosika ianareo. <sup>9</sup> Fa na iza na iza tsy ampy ireo zavatra ireo dia tsy mahita afa-tsy izay akaiky; jamba izy. Nadinoiny ny fanadiovana azy tamin'ireo fahotany taloha. <sup>10</sup> Noho izany, ry rahalahy, ataovy ny rehetra mba hahazoana antoka ny fiantsoana sy ny fifidianana anareo. Raha manao ireo zavatra ireo ianareo, dia tsy ho voafingana. <sup>11</sup> Amin'izay dia malalaka ho anareo ny fidirana ao amin'ny fanjakana mandrakizay izay an'ny Tompontosika sy Jesosy Kristy mpamonjy. <sup>12</sup> Noho izany dia vonona foana aho hampatsiaro anareo ireo zavatra ireo, na dia fantatrareo aza ireo, ary na dia mantanjaka ao amin'ny marina aza ianareo ankehitriny. <sup>13</sup> Izaho mieritreritra fa rariny amiko ny mamoha anareo amin'ny fampahatsiahivana ireo zavatra ireo, raha mbola eto amin'ity trano-lay ity aho. <sup>14</sup> Satria fantatro fa tsy ho ela dia ho esoriko ny trano-laiko, tahaka izay nasehon'i Jesosy Kristy Tompontosika ahy. <sup>15</sup> Ary ho ataoko izay farany vitako mba hahatsiarovanareo mandrakariva ireo zavatra ireo rehefa lasa aho. <sup>16</sup> Fa izahay dia tsy nanaraka angano tsara rafitra izay noforonona rehefa niresaka taminareo ny momban'ny hery sy ny nisehoan'i Jesosy Kristy Tompontosika. Fa kosa, izahay dia vavolombelona nahita ny fiandrianany. <sup>17</sup> Fa Izy dia naharay laza amam-boninahitra avy tamin'Andriamanitra Ray rehefa nisy feo tonga teo Aminy tamin'ilay voninahitra lehibe indrindra hoe: "Ity no Zanako malalako, izay sitrako indrindra." <sup>18</sup> Nandre izany feo avy tany an-danitra izany izahay, rehefa niaraka taminy teny an- tendrombohitra masina. <sup>19</sup> Isika dia manana ity teny faminaniana izay efa natao mafy orina ity. Tokony hitandrina izany tsara ianareo. Izany dia tahaka ny jiro mazava ao anaty haizina mandra-piavin'ny maraina sy ny kintan'ny maraina mipoaka ao am-ponareo. <sup>20</sup> Fantaro aloha izao, fa tsy misy faminaniana avy amin'ny famoahan-kevitra ny olona. <sup>21</sup> Fa tsy misy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona. Fa kosa, notarihan'ny Fanahy Masina izy ireny mba hiteny izay notenenin'Andriamanitra.

#### 2 Peter 1:1

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Petera dia mamaritra ny tenany ho mpanoratra ary manambara sy miarahaba ireo mpino izay hanoratany.

##### Mpanompo sy apostolin'i Jesosy Kristy

Petera dia miresaka ny maha mpanompon'i Jesosy Kristy azy. Izy ihany koa dia nomena ny toerana sy fahefana maha apostolin'i Kristy.

##### Ho an'ireo izay nahazo ny finoana sarobidy io ihany

Petera dia miresaka ny fahamarinana mahakasika an'i Jesosy Kristy ho toy ny zavatra mety horaisin'ireo mpino izao, toy ny hoe zavatra iray izany.

##### Ho an'ireo izay nahazo

"Ho anao izay nahazo." Petera dia manondro ireo mpino rehetra izay afaka mamaky ity taratasy ity.

**Izay noraisinay**

Eto ny teny hoe "inay" dia manondro an'i Petera sy ireo apostoly hafa, fa tsy ho an'ireo izay hanoratany. DH: "Noraisinay apostoly."

**Hampitomboina anie ny fahasoavana sy ny fiadanana**

Andriamanitra dia ilay iray izay afaka manome fahasoavana sy fiadanana ho an'ireo mpino. DH: "Andriamanitra anie hampitombo ny fahasoavana sy ny fiadanana."

**Hitombo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana**

Petera dia miresaka ny fiadanana tahaka ny hoe zavatra izay afaka mitombo amin'ny habe sy isa.

**Amin'ny fahalalana an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika**

Ny hoe "fahalalana" dia afaka adikanao amin'ny fampiasana andian-teny iray. DH: "Amin'ny fahafantaranao an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika."

**2 Peter 1:3****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Petera dia nanomboka nampianatra ireo mpino mahakasika ny fiainana araka an'Andriamanitra.

**Ho an'ny fiainana sy toe-panahy araka an'Andriamanitra**

Eto ny hoe: "toetra araka an'Andriamanitra" dia mamaritra ny teny hoe: "fiainana". DH: "ho an'ny fiainana araka an'Andriamanitra."

**Izay niantso antsika**

Eto ny teny hoe: "antsika" dia manondro an'i Petera sy ireo mpihaino.

**Tamin'ny alalan'ny voninahiny sy ny fahatsarany manokana**

"Tamin'ny alalan'ny voninahiny sy ny fahatsaran'ny fitondran-tena."

**Tamin'ny alalan'ireo**

Eto ny hoe: "ireo" dia manondro ny "voninahiny manokana sy ny fahatsarany."

**Mba ho tonga mpizara**

"Mba hizara ianareo."

**Fomban'Andriamanitra**

Toy ny ahoana Andriamanitra

**Ny fahalotoana izay eto an-tany**

Ny antony mahatonga izao tontolo izao ho voaozona ho ringana dia lazaina tahaka ny hoe zavatra eran'izao tontolo izao izy ireny.

**2 Peter 1:5****Noho izany**

Izany dia manondro ny zavatra nolazain'i Petera tao amin'ny andininy teo taloha. DH: "Noho izay nataon'Andriamanitra."

**Fahatsarana**

"Fahatsaran'ny fitondran-tena."

**fitiavan-drahalahy**

Izany dia maneho fitiavana ny namana na ny mpinakavy ary mety midika fa tiany ny fianakaviany ara-panahy.

**2 Peter 1:8****Ireo zavatra ireo**

Izany dia maneho ny finoana, fahatsarana, fahalalana, fifehezan-tena, fiaretana, ny toetra araka an'Andriamanitra, fitiavan-drahalahy, ary fitiavana, izay noresahin'i Petera tao amin'ny andininy teo aloha.

**Tsy ho momba na tsy hamokatra**

Petera dia miresaka ny olona iray izay tsy manana ireo toetra ireo tahaka ny hoe izy dia saha izay tsy mahavokatra. Izany dia afaka lazaina amin'ny teny tsara. DH: "Ianao dia hamokatra sy hahavokatra" na "ianao dia hahomby."

**Momba na tsy mamokatra**

Ireo teny ireo dia mitovitovy amin'ny zavatra iray ihany ary manantitrantitra fa ity olona ity dia tsy hamokatra na hiaina tombontsoa amin'ny fahalalana an'i Jesosy.

**Amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompontsika**

Ny hoe "fahalalana" dia afaka adikanao amin'ny fampiasana andian-teny iray. DH: "Amin'ny fahafantaranao an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika."

**Na iza na iza tsy ampy ireo zavatra ireo**

Izay olona tsy manana ireo zavatra ireo.

**Tsy mahita afa-tsy izay akaiky; jamba izy**

Petera dia miresaka momba ny olona iray izay tsy manana ireo toetra ireo tahaka ny hoe mahita akaiky na jamba izy satria tsy mahatakatra ny fahatsarany. DH: "Tahaka ny olona mijery akaiky ka tsy mahita ny maha zava-dehibe azy ireo."

**Ny fanadiovana azy tamin'ireo fahotany taloha**

DH: "Fa nodiovin'Andriamanitra tamin'ny fahotany taloha izy."

**2 Peter 1:10****Hahazoana antoka ny fiantsoana sy ny fifidianana anareo**

Ny teny hoe: "antso" sy "fifidianana" dia mitovy dika ary manondro ny fifidianan'Andriamanitra azy ireo mba ho Azy. DH: "Ataovy azo antoka fa Andriamanitra dia tena nifidy anao mba ho Azy."

**Tsy ho voafingana ianao**

Eto ny teny hoe: "voafingana" dia manondro na 1) manota na 2) mivadika amin'i Kristy. DH: "Ianao dia tsy hanana fitondran-tena mpanota" na "ianao dia tsy hivadika amin'i Kristy."

**Fidirana ... malalaka ho anao tanteraka**

DH: "Andriamanitra dia hanome malalaka anao ny fidirana ao amin'ny fanjakana mandrakizay izay an'i Jesosy Kristy Tompontosika sy Mpamonjy antsika."

**Fidirana**

Fahafahana miditra.

**Nahazo tanteraka**

Mahazo malalaka.

**2 Peter 1:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Petera dia milaza amin'ireo mpino mahakasika ny andraikiny amin'ny fanohizana ny fampahatsiahivana sy ny fampianarana azy ireo.

**hampahatsiaro anareo ireo zavatra ireo**

Eto ny teny hoe "ireo zavatra ireo" dia manondro ny zavatra rehetra izay nolazain'i Petera tao amin'ny andininy teo aloha.

**Ianao dia mantanjaka amin'ny fahamarinana**

"Ianao dia mino tanteraka ny fahamarinan'ireo zavatra ireo."

**Mamoha anareo amin'ny fampahatsiahivana ireo zavatra ireo**

Eto ny teny hoe: "mamoha" dia midika ho manaitra olona amin'ny torimasony. Petera dia miresaka mba hahatonga ny mpamaky hisaintsaina ireo zavatra ireo toy ny hoe namoha azy ireo tamin'ny torimasony. DH: "Mba hahatonga anao hisaintsaina ireo zavatra ireo miaraka amin'ny fampahatsiahivana."

**Raha mbola eto amin'ity trano-lay ity aho ... dia ho esoriko ny trano-laiko**

Petera dia miresaka ny vatany toy ny trano-lay izay hesoriny. Ireo fehezanteny ireo dia manondro ny fahafatesany. DH: "Raha mbola velona koa aho ... dia ho faty aho."

**Mba hahatsiarovanareo mandrakariva**

"Mba ahafahanao mahatsiaro foana."

**Rehefa lasa aho**

Petera dia miresaka ny fahafatesany toy ny hoe niala amin'ny toerana iray izy ka hifindra any ankafa. DH: "Aorian'ny fahafatesako."

**2 Peter 1:16****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Petera dia nanohy nanazava ny fampianarany tamin'ireo mpino ary nanazava ny antony maha mendri-pitokisana azy ireo.

**Fa izahay dia tsy nanaraka angano tsara rafitra izay noforonina**

Eto ny teny hoe: "izahay" dia manondro an'i Petera sy ireo apostoly hafa, fa tsy ireo mpamaky. DH: "Fa

izahay apostoly dia tsy nanaraka angano tsara rafitra izay noforonina."

**Ny hery sy ny nisehoan'i Jesosy Kristy Tompontosika**

Eto ny teny hoe: "niseho" dia manondro ny fahatongavan'i Jesosy fanindroany. Mety ho dikany dia izao: 1) "ny herin'i Jesosy Kristy Tompontosika sy ny fahatongavany" na 2) "ny fahatongavan'i Jesosy Kristy Tompontosika amin-kery."

**Jesosy Kristy Tompontosika**

Eto ny teny hoe: "isika" dia manondro ireo mpino rehetra.

**Rehefa nisy feo tonga teo Aminy tamin'ilay voninahitra lehibe indrindra**

DH: "Rehefa nandre feo avy tamin'ilay voninahitra lehibe indrindra izy" na "rehefa niresaka taminy ilay voninahitra lehibe indrindra."

**Nisy feo ... nilaza hoe**

Ny feon'ireo teny.

**Ilay voninahitra lehibe indrindra**

Petera dia manondro an'Andriamanitra amin'ny voninahiny. Izany dia fialan-tsiny izay manalavitra ny fampiasana ny anaran'Andriamanitra, ho fanajana azy. DH: "Andriamanitra, ilay voninahitra fara tampony."

**Nandre izany feo avy tany an-danitra izany izahay**

Petera dia manondro ny tenany ary ireo mpianany Jakoba sy Jaona, izay nandre ny feon'Andriamanitra.

**Niaraka taminy izahay**

"Niaraka tamin'i Jesosy izahay."

**2 Peter 1:19****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Petera dia nanomboka nampitandrina ireo mpino mahakasika ireo mpampianatra sandoka.

**Isika dia manana ity teny faminaniana izay efa natao mafy orina ity**

Ireo zavatra izay hitan'i Petera sy ireo apostoly hafa, izay nofaritany ao amin'ireo andininy teo aloha, dia manamafy izay nolazain'ireo mpaminany. DH: "Ny zavatra izay hitantsika dia mahatonga ny teny faminaniana ho azo antoka kokoa."

**Isika dia manana**

Eto ny teny hoe: "isika" dia manondro ireo mpino rehetra, anisan'izany i Petera sy ireo mpamaky.

**Ity teny faminaniana**

Izany dia manondro ny Testamenta Taloha. DH: "ny Soratra Masina, izay noresahin'ireo mpaminany."

**Tokony hitandrina izany tsara ianareo**

Petera dia nampianatra ireo mpino mba handinika tsara ny hafatra amin'ny faminaniana.

**Izany dia tahaka ny jiro mazava ao anaty haizina mandra-piavin'ny maraina**

Petera dia nampitaha ny teny faminaniana amin'ny jiro izay manome hazavana ao anaty maizina mandra-piavin'ny hazavan'ny maraina. Ny fiavin'ny maraina dia sarisarin'ny fiavin'i Kristy.

**Ny kintan'ny maraina mipoaka ao am-ponareo**

Petera dia miresaka an'i Kristy toy ny "kintana maraina," izay maneho fa efa antomotra ny andro sy ny faran'ny haizina. Kristy dia hitondra hazavana ao am-pon'ireo mpino, mampitsahatra ny fisalasalana rehetra ary mitondra fahatakarana feno momba ny aminy.

**Ny kintana maraina**

NY "kintana maraina" dia manondro ireo planeta Venus, izay mipoaka mialohan'ny masoandro ary manondro fa efa akaiky ny andro.

**Fantaro aloha izao**

"Fantaro aloha izao ho zava-dehibe indrindra."

**Fa tsy misy faminaniana avy amin'ny famoahan-kevitra ny olona**

Izany andalana izany dia afaka takarina amin'ny fomba samihafa: 1) ireo mpaminany dia tsy naminany samirery ny faminanian'izy ireo; 2) ny olona dia tokony hiantehitra amin'ny Fanahy Masina mba ahatakarana ireo faminaniana; 3) ny olona dia tsy maintsy mandika ireo faminaniana miaraka amin'ny fanampian'ny fiombonan'ireo mpino Kristiana manontolo.

**Notarihan'ny Fanahy Masina ny olona mba hiteny izay notenenin'Andriamanitra.**

Ny Fanahy Masina dia nitarika ny olona mba hiteny izay tian'Andriamanitra ho lazain'izy ireo. DH: "ny olona dia niresaka avy amin'Andriamanitra rehefa notarihan'ny Fanahy Masina izy ireo."

**Olona notarihan'ny Fanahy Masina**

Petera dia miresaka ny Fanahy Masina hanampiana ireo mpaminany hanoratra izay tian'Andriamanitra ho soratan'izy ireo toy ny hoe notarihan'ny Fanahy Masina avy any amin'ny toerana iray ho any amin'ny hafa.

## Chapter 2

<sup>1</sup> Ny mpaminany sandoka dia tonga teo amin'ny olona, ary ny mpampianatra sandoka ihany koa dia ho avy eo aminareo. Hitondra mangingina sain-diso mamotika izy ireo, ary handà ny Tompo izay nividy azy ireo. Izy ireo dia mitondra fahapotehana faingana amin'izy ireo. <sup>2</sup> Maro no hanaraka ny fijejojejoan'izy ireo, ary amin'ny alalan'ireny no hitenenan-dratsy ny lalan'ny fahamarinana. <sup>3</sup> Amin'ny fieremana no hanararaotany anareo miaraka amin'ny teny mamitaka. Tsy ho ela ny fanamelohana an'izy ireny; tsy matory ny fahapotehan'izy ireny. <sup>4</sup> Fa Andriamanitra tsy namindra fo ireo anjely izay nanota. Fa kosa natolony ho amin'ny vilany tany izy ireo mba ho voatazona amin'ny gadran'ny fahamaizinana mandra-pihavin'ny fitsaràna. <sup>[1]</sup><sup>5</sup> Ary ihany koa, tsy namela izao tontolo izao taloha Izy. Fa kosa, namonjy an'i Noah, izay mpitory ny fahamarinana, miaraka amin'ny fito hafa, rehefa nitondra ny safo-drano tamin'ny ratsy fanahy teto amin'izao tontolo izao izy. <sup>6</sup> Andriamanitra ihany koa dia nanao ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora ho lavenona ary nanameloka azy ireo ho amin'ny fahapotehana, ho toy ny ohatra amin'izay hitranga amin'ny ratsy fanahy. <sup>7</sup> Fa i Lota marina, izay nampahoriana tamin'ny fitondran-tenan'ireo olona tsy ara-dalàna tamin'ny fijejojejoana, dia novonjen'Andriamanitra. <sup>8</sup> Fa izany lehilahy marina izany, izay niaina niaraka tamin'izy ireo isan'andro, dia fadiranovana tamin'ny fanahin'ny fahamarinany noho izay hitany sy reny. <sup>9</sup> Fantatry ny Tompo ny fomba hamonjena ireo olona tsara fanahy amin'ireo fitsapana, sy ny fomba hitazomana ireo olona tsy marina ho amin'ny famaizana amin'ny andron'ny fitsaràna. <sup>10</sup> Marina indrindra izany ho an'ireo izay manohy amin'ny faniriana ratsin'ny nofo sy manao tsinontsinona ny fahefana. Sahy sy mitompo teny fatratra izy ireo. Izy ireo dia tsy matahotra hiteny ratsy ireo be voninahitra. <sup>11</sup> Ireo anjely dia manana hery sy fahefana lehibe, fa izy ireo dia tsy mitondra fitsaràna maniratsira manohitra azy ireo amin'ny Tompo. <sup>12</sup> Fa ireo biby tsy manan-tsaina ireo dia natao ho samborina sy potehina. Tsy fantatr'izy ireo izay tsiratsirain'izy ireo. Ho potika izy ireo. <sup>13</sup> Handray ny valisoan'ny zavatra ratsy nataony izy ireo. Mieritrertra izy ireo fa ny tsy fiafiana mandritry ny andro dia fahafinaretana. Izy ireo dia be pentipentina sy tsiny. Mahafinaritra azy ireo ny asa famitahan'izy ireo rehefa mihinana miaraka aminareo. <sup>[2]</sup><sup>14</sup> Adalam-behivavy mijangajanga izy ireo; tsy afa-po amin'ny fahotana mihitsy izy ireo. Mitarika fanahy tsy mety maty ho amin'ny fanaovan-dratsy izy ireo, ary manana fo voaofana amin'ny fitsiriritana izy ireo. Zanak'ny fanozonana izy ireny! <sup>15</sup> Niala tamin'ny lala-mahitsy izy ireo. Lasa nivily izy ireo, ary nanaraka ny lalan'i Balama zanak'i Beora, izay tia ny tambin'ny tsy fahamarinana. <sup>[3]</sup><sup>16</sup> Fa nahazo teny mafy izy nohon'ny fandikan-dalàny manokana. Nisy boriky moana niteny tamin'ny feon'olombelona nanajanona ny adalan'ilay mpaminany. <sup>17</sup> Ireo olona ireo dia tahaka ny lohataona tsy misy orana. Toy ny rahona entin'ny tafio-drivotra izy ireo. Natokana ho azy ireo ny haizina matevina. <sup>18</sup> Miteny tsy am-piheverana izy ireo. Mitaona ny olona amin'ny alalan'ny filàn'ny nofo izy ireo. Izy ireo dia mitaona ny olona izay miezaka mandositra ireo izay miaina amin'ny fahadisoana. <sup>19</sup> Izy ireo dia mampanantena fahafahana ho azy ireo, kanefa izy tenany ary dia andevon'ny fahalotoana. Fa ny olona dia andevon'izay rehetra maharesy azy. <sup>20</sup> Na iza na iza afaka amin'ireo fahalotoan'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fahalalana ny Tompo sy Jesosy kristy Mpamonjy, ary avy eo miverina amin'ireo fahalotoana indray, dia hanjary ratsy noho ilay toe-javatra voalohany ilay toe-javatra farany. <sup>21</sup> Tsara kokoa ho azy ireo ny tsy mahafantatra ny lalan'ny fahamarinana nohon'ny mahafantatra izany dia hivadika amin'ny didy masina natolotra azy ireo. <sup>22</sup> Marina ho azy ireo ity ohabolana ity hoe: "Ny amboa no miverina amin'ny loany. Ny kisoa efa nisasa miverina mihoso-potaka."

### Footnotes

2:4 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Mba ho fatorana ao amin'ny lavaky ny fahamaizinana mandra-pihavin'ny fitsaràna."

2:13 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Mahafinaritra azy ireo ny asan'izy ireo rehefa mihinana miaraka aminareo amin'ny sakafom-pifankatiavana."

2:15 <sup>[3]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Balama, zanak'i Bosora."

## 2 Peter 2:1

### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Petera dia nanomboka nampitandrina ireo mpino mahakasika ireo mpampianatra sandoka.

### Ny mpaminany sandoka dia tonga teo amin'ny olona, ary ny mpampianatra sandoka ihany koa dia ho avy eo aminareo

Tahaka ireo mpaminany sandoka izay tonga handiso fanantenana ny Israely tamin'ireo teniny, dia hisy mpampianatra sandoka koa ho tonga hampianatra lainga mahakasika an'i Kristy.

### Sain-diso mamotika

Ny teny hoe: "sain-diso" dia manondro ireo hevitra izay mifanohitra amin'ny fampianaran'i Kristy sy ireo apostoly. Ireo sain-diso ireo dia mamotika ny finoan'ireo izay mino azy ireo.

### Ny Tompo izay nivity azy ireo

Ny teny hoe: "Tampo" eto dia manondro ireo olona izay manana mpanompo. Petera dia miresaka an'i Jesosy tahaka ny tompon'ny olona izay novidiny, ny fahafatesany no vidiny.

### Fijejojejoana

"Fitondran-tena maloto."

### Ny lalan'ny fahamarinana dia hitenenan-dratsy

Ny andian-teny hoe: "lalan'ny fahamarinana" dia manondro ny finoan'ireo Kristiana ho toy ny lalana marina mankany amin'Andriamanitra. DH: "ireo tsy mpino dia hiteny ratsy ny lalan'ny fahamarinana."

### Hanararaotany anareo miaraka amin'ny teny mamitaka

"Mandresy lahatra anao mba hanome vola azy ireo amin'ny filazana lainga anao."

### Tsy ho ela ny fanamelohana an'izy ireny; tsy matory ny fahapotehan'izy ireny

Petera dia miresaka ny "fanamelohana" sy ny "fahapotehana" toy ny hoe olona manao zavatra. Ireo andian-teny roa ireo dia midika zavatra mitovy ary manamafy fa tsy ho ela dia hohelohina ireo mpampianatra sandoka.

### Tsy ho ela ny fanamelohana an'izy ireny; tsy matory ny fahapotehan'izy ireny

DH: "Andriamanitra dia hanameloka tsy ho ela azy ireo; Izy dia vonona ny hanapotika azy ireo."

## 2 Peter 2:4

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Petera dia nanome ohatra avy amin'ny olona izay nanohitra an'Andriamanitra ary izay nosazian'Andriamanitra noho ny nataon'izy ireo.

### Tsy namindra fo

"Tsy nijanona amin'ny fanasaziana" na "manasazy."

### Natolony ho any amin'ny helo izy ireo

Ny teny hoe: "helo" dia manondro toerana izay hanasaziana ireo fanahy ratsy sy ireo olon-dratsy izay maty. DH: "norohiny ho any amin'ny helo izy ireo."

### Mba ho voatazona amin'ny gadran'ny fahamaizinana

DH: "izay hitazomany azy ireo amin'ny gadran'ny fahamaizinana."

### Voatazona amin'ny gadran'ny fahamaizinana

Mety ho dikany dia izao: 1) "voatazona ao amin'ny toerana maizim-be" na 2) "ao anaty haizim-pito lalina izay hamatorana azy ireo toy ny rojo."

### Mandra-pihavin'ny fitsarana

Izany dia manondro ny andron'ny fitsarana izay hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra.

### Tsy namela izao tontolo izao taloha Izy

Eto ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia manondro ireo izay niaina tao. DH: "Izy dia tsy namela ireo olona izay niaina tao amin'ny tontolo fahiny."

### Namonjy an'i Noah ... miaraka amin'ny fito hafa

Andriamanitra dia tsy namotika an'i Noa sy ireo olona fito hafa raha toa ka namotika ireo olona ambiny izay niaina tao amin'ny tontolo fahiny Izy.

### Nanao ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora ho lavenona

"Nandoro ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora tamin'ny afo mandra-paha lavenona izany sisa."

### Nanameloka azy ireo ho amin'ny fahapotehana

Eto ny teny hoe: "azy ireo" dia manondro an'i Sodoma sy Gomora ary ireo olona izay niaina tao.

### Ho toy ny ohatra amin'izay hitranga amin'ny ratsy fanahy

Sodoma sy Gomora dia natao ho ohatra ary fampitandremana ny amin'izay hiseho amin'ireo izay tsy mankatoka an'Andriamanitra.

## 2 Peter 2:7

### Fampifandraisana ny foto-kevitra

Petera dia nanome ohatra an'i Lota, izay navotan'Andriamanitra tao anatin'ny olona izay mendrika ny fanasaziana.

### Ny fitondran-tenan'ireo olona tsy ara-dalàna

"Ny fitondran-tena maloto ataon'ny olona izay nandika ny lalàn'Andriamanitra."

### Izany lehilahy marina izany

Izany dia manondro an'i Lota.

### Dia fadiranovana tamin'ny fanahin'ny fahamarinany

Eto ny teny hoe: "fanahy" dia manondro ny eritreritr'i Lota sy ny fihetseham-pony. Ny fitondran-tena maloton'ireo mponina ao Sodoma sy Gomora dia nanakorontana azy ara-pihetseham-po. DH: "dia voakorontana tokoa."

## 2 Peter 2:10

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Petera dia nanomboka namaritra ireo toetran'ny olona tsy marina.

### Marina indrindra izany

Ny teny hoe: "izany" dia manondro an'Andriamanitra izay mitazona ny olona tsy marina ao am-ponja mandra-pahatongan'ny fitsarana ao amin'ny 2:7

### Ireo izay manohy amin'ny faniriana ratsin'ny nofo

Eto ny andian-teny hoe: "fanirian'ny nofo" dia manondro ireo faniriana avy amin'ny toetra mahampanota. DH: "ireo izay manohy mampihetsika ireo fanirian-dratsy, fanotana."

### Manao tsinontsinona ny fahefana

"Mandà ny ho eo ambany fahefan'Andriamanitra." Eto ny teny hoe: "fahefana" angamba dia mety manondro ny fahefan'Andriamanitra.

### Fahefana

Eto ny "fahefana" dia mijoro ho an'Andriamanitra, izay manana zo hanome didy ary hanasazy ny tsy fankatoavana.

### Mitombo teny fatratra

"Manao izay rehetra tiany atao."

### Ireo be voninahitra

izany andian-teny izany dia manondro ny fanahy, toy ny anjely sy demonia.

### Hery sy fahefana lehibe

Mety ho dikany ho an'ireo izay voakasik'izany dia izao: 1) ireo be voninahitra na 2) ireo mpampianatra sandoka.

### Izy ireo dia tsy mitondra fitsaràna maniratsira manohitra azy ireo

Ny teny hoe: "izy ireo" dia manondro ireo anjely. Ny mety ho dikan'ny teny hoe "izy ireo" dia izao: 1) ireo be voninahitra na 2) ireo mpampianatra sandoka.

### Mitondra fitsaràna maniratsira manohitra azy ireo

Ny fiheverana fa ireo anjely dia mety hampanga ireo olon-dratsy ireo dia lazaina toy ny hoe izy ireo dia mety hanafika azy ireo amin'ny fampiasana ny fiampangana ho fitaovam-piadiana.

## 2 Peter 2:12

### Ireo biby tsy manan-tsaina ireo dia natao

DH: "ireo biby tsy manan-tsaina ireo dia teraka voajanahary."

### Ireo biby tsy manan-tsaina ireo

Tahaka ny tsy ahafahan'ireo biby misaina, dia afaka tsy mieritreritra ihany koa ireo olona. DH: "ireo mpampianatra sandoka izay tahaka ny biby tsy misaina."

### Tsy fantatr'izy ireo izay tsiratsirain'izy ireo

Izy ireo dia miteny ratsy ny zavatra tsy fantatra na tsy takatr'izy ireo.

### Ho potika izy ireo

DH: "Andriamanitra dia hamotika azy ireo."

### Handray ny valisoan'ny zavatra ratsy nataony izy ireo

Petera dia miresaka ireo sazy izay ho raisin'ireo mpampianatra sandoka toy ny hoe valisoa. DH: "Izy ireo dia handray izay sahaza azy ireo noho ny zavadratsy nataony."

### Ny tsy fiafiana mandritry ny andro

Eto ny teny hoe: "tsy fiafiana" dia manondro ny fitondran-tena tsy voahevitra tahaka ny hatendakanina, hamamoana, ary ny fihetsika mamofady. Ny fanaovana ireo zavatra ireo mandritry ny andro dia maneho fa ireo olona ireo dia tsy menatra amin'ireo fitondran-tena ireo.

### Izy ireo dia be pentipentina sy tsiny

Ny teny hoe: "pentina" sy "tsiny" dia mizara dikany mitovy. Petera dia miresaka ny mpampianatra sandoka ho toy ny hoe misy pentina ny akanjony ka miteraka fahamenarana ho an'izay manao izany. DH: "Izy ireo dia tahaka ny pentipentina sy tsiny amin'ny akanjo, izay miteraka fahafaham-baraka."

### Manana maso feno fijangajanga izy ireo

Ny fananana ireo "maso feno" dia midika fa izy ireo dia adalan'izay zavatra rehetra hitany. Mety ho dikany dia izao: 1) "Izy ireo dia mieritreritra ny vehivavy tsirairay izay hitany fa mpijangajanga ary te hiara-mandry aminy." na 2) "Izy ireo dia mitady vehivavy mijangajanga hatrany mba hiarahana mandry."

### Tsy afa-po amin'ny fahotana mihitsy izy ireo

Na dia manota aza izy ireo mba hanomezana fahafaham-po ny filàny, dia tsy mahafa-po mihitsy ny fahotana izay ataon'izy ireo.

### Mitarika fanahy tsy mety maty izy ireo

Eto ny teny hoe: "fanahy" dia manondro olona. DH: "Izy ireo dia mitarika olona tsy miorina."

### Fo voaofana amin'ny fitsiriritana

Eto ny teny hoe: "fo" dia manondro ny eritreritra sy fihetseham-po. Noho ireo fihetsika mahazatra ataony, izy ireo dia nampiofanina manokana mba hieritreritra ary hitsiriritra.

### Zanaky ny fanozonana

Ny teny hoe: "zanaka" dia manondro ireo izay voaozona. DH: "Izy ireo dia olona voaozon'Andriamanitra."

## 2 Peter 2:15

### Niala izy ireo ... nivily ... nanaraka

"Ireo mpampianatra sandoka dia niala ... nivily ... nanaraka." Ireo mpampianatra sandoka dia nandà

ny hankatoa an'Andriamanitra amin'ny fandavana ny marina.

#### **Ny lala-mahitsy**

Fitondran-tena tsara izay manome voninahitra an'Andriamanitra dia lazaina toy ny lalana izay arahina.

#### **Nahazo teny mafy izy**

Afaka marihanao fa Andriamanitra no niteny an'i Balama. DH: "Andriamanitra dia niteny azy."

#### **Boriky moana niteny tamin'ny feon'olombelona**

Ny boriky, zay tsy afaka miteny ara-boajanahary, dia niteny tamin'ny feon'olombelona.

#### **Nanajanona ny adalan'ilay mpaminany**

Andriamanitra dia nampiasa ny boriky mba hampitsaharana ny adalan'ireo mpaminany.

### **2 Peter 2:17**

#### **Ireo olona ireo dia tahaka ny loharano tsy misy rano**

Ny loharano miboiboika izay mampanantena famelombelomana ho an'ny olona mangetaheta, fa ny "loharano tsy misy rano" dia handiso fanantenana ny mangetaheta. Mitovy amin'izany, ireo mpampianatra sandoka, na dia nampanantena zavatra maro aza, dia tsy afaka ny hanatanteraka izay nampanantenainy.

#### **Izy ireo dia toy ny rahona entin'ny tafio-drivotra**

Rehefa mahita rahona sy tafio-drivotra ny olona, dia manantena orana hilatsaka. Rehefa mitsoka ny rahona ny rivotra avy amin'ny tadio ka manala izany mialohan'ny hilatsahan'ny orana dia diso fanantenana ny olona. Mitovy amin'izany, ireo mpampianatra sandoka, na dia nampanantena zavatra maro aza, dia tsy afaka ny hanatanteraka izay nampanantenainy.

#### **Natokana ho azy ireo ny haizina matevina**

Ny teny hoe: "azy ireo" dia manondro ireo mpampianatra sandoka. DH: "Andriamanitra dia nanokana haizina matevina ho azy ireo."

#### **Miteny tsy am-piheverana izy ireo**

Izy ireo dia mampiasa teny manaitra nefa tsy misy dikany.

#### **Mitaona ny olona amin'ny alalan'ny filàn'ny nofo izy ireo**

Izy ireo dia miantso ny toetra maha-mpanota voajanahary mba hitaomana ny olona amin'ny fitondran-tena tsy mendrika sy fanotana.

#### **olona izay miezaka mandositra ... mampanantena fahafahana ... andevon'ny fahalotoana**

Petera dia miresaka mikasika ny olona izay miaina amin'ny ota toy ny hoe andevozin'ny fahotana ka mila afahana amin'ny fahababoana.

#### **Mitaona ny olona izay miezaka mandositra ireo izay miaina amin'ny fahadisoana**

Izany andian-teny izany dia manondro ireo olona vao tonga mpino. Ny andian-teny hoe: "ireo izay miaina amin'ny fahadisoana" dia manondro ireo tsy mpino izay mbola miaina amin'ny fahotana. DH: "olona izay miezaka miaina amim-pahamarinana, fa tsy miaina amin'ny ota toy ny mahazatra azy ireo sy tahaka ny fataon'ny hafa."

#### **Izy ireo dia mampanantena fahafahana ho azy ireo, kanefa izy tenany ary dia andevon'ny fahalotoana**

"Ireo mpampianatra sandoka dia nampanantena fahafahana ho an'ireo olona ireo, kanefa ireo mpampianatra sandoka ireo aza dia andevon'ny fahalotoana." Ireo mpampianatra sandoka ireo dia nampanantena fa izy ireo dia afaka manampy azy ireo hampitsahatra fahotana, kanefa ireo mpampianatra sandoka ireo dia aza dia mbola tsy mitsahatra amin'ny fahotana.

#### **Fa ny olona dia andevon'izay rehetra maharesy azy**

Petera dia miresaka ny olona ho toy ny andevo rehefa misy zavatra mifehy io olona io, ary io zavatra io ho toy ny tompon'ilay olona. DH: "Fa raha misy zavatra mifehy ny olona iray, io olona io dia lasa toy ny andevon'io zavatra io."

### **2 Peter 2:20**

#### **Ireo fahalotoan'izao tontolo izao**

Ny teny hoe: "fahalotoana" dia manondro ireo fitondran-tena mpanota izay mahatonga ny iray ho maloto fitondran-tena. Ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia manondro fiaraha-monin'ny olombelona. DH: "ireo fanao mandoto ny fiaraha-monin'ny olombelona mpanota."

#### **Amin'ny alalan'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjy**

Ny hoe "fahalalana" dia afaka adikanao amin'ny fampiasana andian-teny iray. DH: "Amin'ny fahafantaranao an'i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjy."

#### **Hanjary ratsy noho ilay toe-javatra voalohany ilay toe-javatra farany**

"Miharatsy noho ny teo aloha ny zava-mitranga eo amin'izy ireo."

#### **Ny lalan'ny fahamarinana**

Petera dia miresaka ny fiainana toy ny hoe "lalana iray." Izany andian-teny izany dia manondro ny miaina fiainana iray izay mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

#### **Ny didy masina natolotra azy ireo**

DH: "ny didy masina izay nomen'Andriamanitra azy ireo."

#### **Marina ho azy ireo ity ohabolana ity**

"Ity ohabolana ity dia mihatra amin'izy ireo" na "ity ohabolana ity dia mamaritra azy ireo."



**Ny amboa no miverina amin'ny loany. Ny kisoa efa  
nisasa miverina mihoso-potaka**  
Petera dia mampiasa ohabolana roa mba  
hampisehoana fa ny mpampianatra sandoka, na dia

nahafantatra ny "lalan'ny fahamarinana aza," dia  
niverina tamin'ny zavatra izay mahatonga azy ireo  
ho maloto ara-pitondran-tena sy ara-panahy.

## Chapter 3

<sup>1</sup> Ankehitriny, ry malala, manoratra ho anareo ity taratasy faharoa ity aho ho fampatsiahivana entina hamporisihana ny sainareo madio, <sup>2</sup> mba hahatsiarovanao ireo teny nolazain'ny mpaminany masina tany taloha sy ny didin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika izay nomen'ireo apostolinareo. <sup>3</sup> Fantaro aloha izao, fa ny mpaniratsira dia ho avy amin'ny andro farany. Izy ireo dia haneso ary handeha araka ny filàn'izy ireo manokana. <sup>4</sup> Izy ireo dia hiteny hoe: "Aiza ny fampanantenana ny amin'ny fiverenany? Fa hatrizay nodian'ny razambe mandry, dia tsy niova ny zavatra rehetra, eny fa hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao aza." <sup>5</sup> Izy ireo dia minia manadino fa ny lanitra sy ny tany dia nisy avy tamin'ny rano ary tamin'ny alalan'ny rano, fotoana ela, <sup>6</sup> nohon'ny didin'Andriamanitra, ary tamin'ny alalan'ireo zavatra ireo, no nandravàna ny tontolo tamin'izany fotoana izany, tamin'ny tondra-drano. <sup>7</sup> Fa ankehitriny ny lanitra sy ny tany dia natokana ho an'ny afo amin'ny alalan'io didy io ihany. Izy ireo dia voatokana ho amin'ny andron'ny fitsarana sy ny fandringanana ny olona ratsy fanahy. <sup>8</sup> Aoka tsy ho adinoinareo, ry malala, fa ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro. <sup>9</sup> Ny Tompo dia tsy ela amin'ny fanatanterahana ireo fampanantenany, araka izay lazain'ny sasany ho fahelany. Fa kosa, Izy dia maharitra aminareo. Tsy tiany hisy ho very ianareo, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana ny rehetra. <sup>10</sup> Na izany aza, ho avy toy ny mpangalatra ny andron'ny Tompo: Ny lanitra dia hanjavona miaraka amin'ny feo mafy. Ny zavatra rehetra dia ho main'ny afo, ary ny tany sy ireo asa ao aminy dia hambara. <sup>11</sup> Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia tokony ho olona manao ahoana ianareo? Tokony hiaina amin'ny fahamasinana sy ny fiainana araka an'Andriamanitra ianareo. <sup>12</sup> Tokony hanantena ary hanafaingana ny fiavian'ny andron' Andriamanitra ianareo. Amin'izany andro izany, ny lanitra dia ho levon'ny afo, ary ny zavatra rehetra dia hiempo amin'ny hafanana be. <sup>13</sup> Fa araka ny fampanantenany, dia miandry ny lanitra vaovao sy tany vaovao isika, izay hitoeran'ny fahamarinana. <sup>14</sup> Noho izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany ianareo, manaova ny tsara indrindra avy any aminareo mba tsy hisy pentina sy tsy hanan-tsiny eo anatrehany, am-piadanana. <sup>15</sup> Ary ihany koa, eritrereto ny faharetan'ny Tompontosika amin'ny famonjena, tahaka ny nosoratan'i Paoly rahalahy malalantsika taminareo, araka ny fahendrena izay nomena azy. <sup>16</sup> Paoly dia miresaka izany zavatra izany ao amin'ny taratasiny rehetra, izay misy zavatra sarotra takarina. Olona tsy misy fahalalana ary tsy miorina no manova ireny zavatra ireny, tahaka ny hanaovany ireo soratra masina hafa ihany koa, ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany. <sup>17</sup> Noho izany, ry malala, satria fantatrareo izany zavatra izany, dia tandremo ny tenanareo mba tsy ho voafandriky ny fitakin'ny olona ratsy fanahy ka ho very ny fahamarinanareo. <sup>18</sup> Fa mitomboha amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana ny Tompontosika sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. Ho azy anie ny voninahitra ankehitriny ary mandrakizay. Amena!

### Footnotes

3:10 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Ny zavatra rehetra dia ho main'ny afo, ary ny tany sy ireo asa ao aminy dia ho dorana avokoa."

### 2 Peter 3:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Petera dia nanomboka niresaka ny andro farany.

#### Hamporisihana ny sainareo madio

Petera dia miresaka ny ahatonga ireo mpamakiny hisaintsaina mahakasika ireo zavatra ireo toy ny hoe mamoha azy ireo amin'ny torimasony izy. DH: "ahatonga anao hieritreritra fisainana madio."

#### Ireo teny voalazan'ny mpaminany masina fahiny

DH: "ireo teny izay nolazain'ireo mpaminany masina taloha."

#### Ny didin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika izay nomena tamin'ny alalan'ireo apostolinareo

DH: "Ny didin'ny Tompo sy Mapamonjy antsika, izay nomen'ireo apostolinareo."

### 2 Peter 3:3

#### Fantaro aloha izao

"Fantaro aloha izao ho zava-dehibe indrindra."

#### Handeha araka ny filàn'izy ireo manokana

Eto ny teny hoe: "filàna" dia manondro ireo fanirian-dratsy izay mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra. DH: "miaina araka ny fanirian-dratsin'izy ireo manokana."

**Mandeha**

fihetsika, fitondran-tena.

**Aiza ny fampanantenana ny amin'ny fiverenany?**

Ireo mpaneso dia hanontany io fanontaniana io mba hanamafisana fa izy ireo dia tsy mino fa i Jesosy dia hiverina. Ny teny hoe: "fampanantenana" dia manondro ny fahatanterahan'ny fampanantenana fa Jesosy dia hiverina. DH: "Ny fampanantenana fa Jesosy dia hiverina dia tsy marina! Izy dia tsy hiverina!"

**nodian'ireo razam-be mandry**

Eto ny teny hoe "razambe" dia manondro ireo olona izay niaina fahiny. "nodimandry" dia midika hoe fahafatesana.

**Tsy niova ny zavatra rehetra, eny fa hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao aza**

Ireo mpaneso dia nilaza fa satria tsy nisy fiovana teo amin'izao tontolo izao, dia tsy marina ny hiverenan'i Jesosy.

**Hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao**

DH: "fony Andriamanitra namorona izao tontolo izao."

**2 Peter 3:5****Ny lanitra sy ny tany dia nisy ... fotoana ela, nohon'ny didin'Andriamanitra**

DH: "Andriamanitra dia nanao ny lanitra sy ny tany ... fotoana ela tamin'ny alalan'ny teniny."

**Nisy avy tamin'ny rano ary tamin'ny alalan'ny rano**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia nampiakatra ny tany avy ao anatin'ny rano, nanangona miaraka ny vatan-drano mba hampisy ny tany.

**Tamin'ny alalan'ireo zavatra ireo**

Eto ny hoe: "ireo zavatra ireo" dia manondro ny teny nataon'Andriamanitra sy ny rano.

**Nandravana ny tontolo tamin'izany fotoana izany, tamin'ny tondra-drano.**

DH: "Andriamanitra dia nanondraka ny tontolo nisy tamin'izany fotoana izany tamin'ny rano ary nandrava azy."

**Ny lanitra sy ny tany dia natokana ho an'ny afo amin'ny alalan'io didy io ihany**

DH: "Andriamanitra, tamin'ny alalan'io teny io ihany, dia nanokana ny lanitra sy ny tany ho an'ny afo."

**Io didy io ihany**

Eto ny teny hoe: "didy" dia mijoro ho an'Andriamanitra, izay hanome ny baiko. DH: "Andriamanitra, izay hanome didy mitovy amin'izany."

**Voatokana ho amin'ny andron'ny fitsarana**

DH: "Izy dia manokana azy ireo ho amin'ny andron'ny fitsarana."

**Amin'ny andron'ny fitsarana sy ny fandringanana ny olona ratsy fanahy**

DH: "amin'ny andro hitsarany sy handringanany ny ratsy fanahy."

**2 Peter 3:8****Aoka tsy ho adinoinareo**

"Tsy tokony tsy ho takatrareo izany" na "aza atao mandalo fotsiny izany."

**Ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona**

"Fa avy amin'ny fomba fijerin'ny Tompo, ny indray andro dia toy ny arivo taona."

**Ny Tompo dia tsy ela amin'ny fanatanterahana ireo fampanantenany**

"Ny Tompo dia tsy ela amin'ny fanatanterahana ireo teny fikasany."

**Araka izay lazain'ny sasany ho fahelany**

Ny olona sasany dia mihevitra fa ny Tompo dia ela amin'ny fanatanterahana ireo fampanantenany satria ny fomba fijeriny ny fotoana dia tsy mitovy ny an'Andriamanitra.

**2 Peter 3:10****Na izany aza**

Na dia manam-paharetana aza ny Tompo ary maniry ny olona hibebaka, dia hiverina tokoa Izy ary hitondra fitsarana.

**Ho avy toy ny mpangalatra ny andron'ny Tompo**

Petera dia miresaka ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ny olona rehetra toy ny mpangalatra izay tonga tampoka ary tsy ampoizin'ny olona.

**Ny lanitra dia hanjavona**

"Ny lanitra dia tsy ho hita."

**Ny zavatra rehetra dia ho main'ny afo**

DH: "Andriamanitra dia handoro ireo zavatra rehetra amin'ny afo."

**Ny zavatra rehetra**

Mety ho dikany dia izao: 1) ny vatana any andanitra, toy ny masoandro, volana, ary ireo kintana na 2) ireo zavatra izay mandrafitra ny lanitra sy tany, toy ny, nofon-tany, rivotra, afo, ary rano.

**Ny tany sy ireo asa ao aminy dia hambara**

Andriamanitra dia hahita ny tany manontolo sy ny asa ataon'ny olona rehetra, ary hitsara ny zava-drehetra Izy amin'izay. DH: "Andriamanitra dia hampiharihary ny tany sy ny zava-drehetra nataon'ny olona tao."

## 2 Peter 3:11

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Petera dia nanomboka nanambara tamin'ireo mpino ny fomba tokony hiainan'izy ireo eo am-piandrasana ny andron'ny Tompo.

### Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao

DH: "Satria Andriamanitra dia handrava ireo zava-drehetra ireo amin'izany fomba izany."

### Tokony ho olona manao ahoana ianareo?

Petera dia nampiasa fanontaniana mba hanamafisana izay ho lazainy manaraka, dia ny mba "tokony hiainan'izy ireo fiainana masina ary fiainana araka an'Andriamanitra." DH: "fantatrao hoe tokony ho karazan'olona ahoana ianao."

### Ny lanitra dia ho levon'ny afo, ary ny zavatra rehetra dia hiempo amin'ny hafanana be

DH: "Andriamanitra dia handrava ny lanitra amin'ny alalan'ny afo, ary Izy dia hanempo ny zavatra rehetra amin'ny hafanana be."

### Ny zavatra rehetra

Ny mety ho dikany dia izao: 1) ny vatana any andanitra, toy ny masoandro, volana, ary ireo kintana na 2) ireo zavatra izay mandrafitra ny lanitra sy tany, toy ny, nofom-tany, rivotra, afo, ary rano.

### Izay hitoeran'ny fahamarinana

Petera dia miresaka ny "fahamarinana" toy ny hoe olona iray. Izany dia fomba entina ilazana ny olona izay marina. DH: "izay hitoeran'ny olo-marina" na "izay hiainan'ny olona am-pahamarinana."

## 2 Peter 3:14

### Manaova ny tsara indrindra avy any aminareo mba tsy hisy pentina sy tsy hanan-tsiny eo anatrehany, am-piadanana

DH: "manaova ny tsara indrindra mba hiainana amin'ny fomba izay ahitan'Andriamanitra anao ho tsy misy pentina sy tsy manan-tsiny ary amin'ny fiadanana miaraka Aminy sy ny tsirairay."

### Tsy misy pentina sy tsy manan-tsiny

Ny teny hoe "tsy misy pentina" sy "tsy manan-tsiny" dia manana dika mitovy ary manamafy ny fahadiovan'ny fitondran-tena.

### Tsy misy pentina

Eto io dia midika hoe "tsy misy tsiny."

### Eritrereto ny faharetan'ny Tompontosika amin'ny famonjena

Koa satria maharitra ny Tompo, dia mbola tsy tonga ny andron'ny fitsarana. Izany dia manome fahafahana ny olona mba hibe-baka ary ho voavonjy, toy ny nazavainy ao amin'ny 3:8. DH: "ary koa, eritrereto ny mahakasika ny faharetan'ny Tompontosika amin'ny fanomezana anareo fahafahana mibe-baka ary ho voavonjy."

### Araka ny fahendrena izay nomena azy

DH: "araka ny fahendrena izay nomen'Andriamanitra azy."

### Paoly dia miresaka izany zavatra izany ao amin'ny taratasiny rehetra

"Paoly dia miresaka ny faharetan'Andriamanitra mitondra ny famonjena amin'ny taratasiny rehetra."

### Izay misy zavatra sarotra takarina

Ao amin'ny taratasin'i Paoly dia misy zavatra sarotra takarina.

### Olona tsy misy fahalalana ary tsy miorina no manova ireny zavatra ireny

Olona tsy misy fahalalana ary tsy miorina no nandika vilana ny zavatra sarotra takarina tao amin'ny taratasin'i Paoly.

### Tsy misy fahalalana ary tsy miorina

"Tsy nianatra ary miovaova." Ireo olona ireo dia tsy nampianarina ny fomba handikana ny soratra masina araka ny tokony ho izy ary tsy miorina tsara amin'ny fahamarinan'ny filazantsara.

### Mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany

"Mahatonga fandrikanana ho an'ny tenany manokana."

## 2 Peter 3:17

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Petera dia namita ny fampianarana ireo mpino ary namarana ny taratasiny.

### Noho izany, ry malala, satria fantatrarao izany zavatra izany

"Izany zavatra izany" dia manondro ny fahamarinana mahakasika ny faharetan'Andriamanitra sy ireo fampianaran'ireo mpampianatra sandoka.

### Tandremono ny tenanareo

"Arovy ny tenanareo."

### Mba tsy ho voafandriky ny fitakin'ny olona ratsy fanahy ianareo

DH: "mba tsy hitarihan'ny olona ratsy fanahy anareo amin'ny teny fitak'izy ireo."

### Voafandrika ... fitaka

Ny faharesen-dahatra tsy hankatoa an'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe fialana amin'ny lalana tokony arahina. Ireo famitahana na fampianaran-diso dia lazaina toy ny hoe olona afaka mitarika olona iray hafa hiala amin'ny lala-marina.

### Very ny itokianareo

Ny fahatokiana dia resahana toy ny hoe fananana izay mety ho verin'ireo mpino. DH: "mijanona ho mahatoky ianao."

**Mitombo amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana**  
"Hampitombo ny fahasoavana sy ny fahalalana."

**Ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy  
Tompontsika sy Mpamonjy**  
Ny hoe "fahalalana" dia afaka adikanao amin'ny  
fampiasana andian-teny iray. DH: "manandrata

hatrany hatrany an'i Jesosy Kristy Tompontsika sy  
Mpamonjy izay maneho hatsaram-panahy aminareo,  
ary mba ahalalanareo azy bebe kokoa sy tsaratsara  
kokoa."

## Book: 1 John

### 1 John

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Izay hatramin'ny fiandohana- izay efa renay, izay efa hitanay tamin'ireo masonay, izay efa nojerenay, ary izay efa nokasihan'ny tananay- izany dia momba ny Tenin'ny fiainana. <sup>2</sup> Toy izany ihany koa, ny fiainana dia nampahafantarina, ary efa hitanay izany, ka mijoro vavolombelona amin'izany izahay. Izahay dia manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin'ny Ray, ary izay efa nampahafantarina anay. <sup>3</sup> Izay efa hitanay sy renay dia ambaranay aminareo ihany koa, mba hanananareo fifandraisana aminay ihany koa. Ny fifandraisana misy eo aminay dia amin'ny Ray sy amin'ny Zanany, Jesosy Kristy. <sup>4</sup> Toy izany ihany koa, manoratra ireo zavatra ireo ho anareo izahay mba ho tanteraka ny fifaliantika. <sup>5</sup> Izao no hafatra izay efa renay avy taminy ka ambaranay aminareo: Andriamanitra dia fahazavana, ary ao Aminy dia tsy misy haizina mihitsy. <sup>6</sup> Raha milaza isika fa manana fifandraisana Aminy ary mandeha ao anatin'ny haizina, dia mandainga isika ary tsy manao ny marina. <sup>7</sup> Kanefa raha mandeha ao amin'ny fahazavana isika tahaka Azy ao amin'ny fahazavana, dia manana fifandraisana amin'ny tsirairay avy isika, ary ny ràn'i Jesosy Zanany no manadio antsika amin'ny fahotana rehetra. <sup>8</sup> Raha milaza isika fa tsy manam-pahotana, dia mamitaka ny tenantsika isika, ary ny fahamarinana dia tsy ao amintsika. <sup>9</sup> Nefa raha miaiky ireo fahotantsika isika, Izy dia mahatoky sy marina amin'ny famelana ireo fahotantsika ary manadio antsika amin'ny tsy fahamarinana rehetra. <sup>10</sup> Raha milaza isika fa tsy mbola nanota, dia manao Azy ho mpandainga, ary tsy ao amintsika ny teniny.

#### Footnotes

1:4 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Ary manoratra ireo zavatra ireo izahay mba ho tanteraka ny fifalianareo."

#### 1 John 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity boky ity dia manana tanjona roa: finamanana sy hafaliana.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

I Jaona apostoly dia manoratra ity taratasy ity ho an'ireo mpino. Izay mitovy amin'ny "anareo," "izay anareo" ao dia maneho an'ireo mpino. Eto ny teny hoe: "izahay" sy "anay" dia maneho an'i Jaona sy ireo izay niaraka tamin'i Jesosy.

##### Izay hatramin'ny fiandohana

Ny teny hoe: "Izay hatramin'ny fiandohana" dia maneho an'i Jesosy izay nisy talohan'ny nanaovana ny zava-drehetra. DH: "Izahay dia manoratra ho anareo momba ilay iray izay nisy talohan'ny nahariana an'izao tontolo izao."

##### ny fiandohana

"ny fiandohan'ny zavatra rehetra" na "ny fahariana izao tontolo izao"

##### izay efa renay

"izay renay nampianariny"

##### izay efa hitanay ... izay efa nojerenay

Averimberina ireo mba ho fanamafisana. DH: "izay hitanay tenanay"

##### ny Tenin'ny fiainana

Ny "ny Tenin'ny fiainana" dia i Jesosy. DH: "Jesosy, ilay iray izay hahatonga ny olona ho velona mandrakizay"

##### fiainana

Ny teny hoe: "fiainana" amin'io taratasy io dia maneho izay mihoatra ny fiainana ara-batana. Izany eto dia maneho an'i Jesosy, ilay fiainana mandrakizay.

##### ny fiainana dia nampahafantarina

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nampahafantatra ny fiainana mandrakizay antsika" na "Andriamanitra nanao antsika ho afaka mahafantatra Azy, ilay fiainana mandrakizay"

##### ary efa hitanay izany

"ary efa hitanay Izy"

**ka mijoro vavolombelona amin'izany izahay**  
"manambara ampahibemaso Azy amin'ny hafa izahay"

**ny fiainana mandrakizay**

Eto ny hoe: " ny fiainana mandrakizay" dia maneho ilay iray izay manome izany fiainana izany, dia i Jesosy. DH: "ilay iray izay mamela antsika hiaina mandrakizay"

**izay tao amin'ny Ray**

"izay tao amin'Andriamanitra ilay Ray"

**ary izay efa nampahafantarina anay**

Izany dia tamin'izy nipetraka tety an-tany. DH: "ary Izy tonga hiaina eo anivontsika"

**1 John 1:3**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "izahay," "anay," "ny anay" dia maneho an'i Jaona izay niaraka tamin'i Jesosy.

**Izay efa hitanay sy renay dia ambaranay aminareo ihany koa**

"Izahay ihany koa dia manambara aminareo izay efa hitanay sy renay"

**mba hanananareo fifandraisana aminay. Ny fifandraisantsika dia amin'ny Ray**

"meteza ho namanay akaiky. Izahay dia naman'Andriamanitra ilay Ray"

**ny Ray ... ny Zanany**

Ireo dia anarana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana misy eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**mba ho tanteraka ny fifaliansika**

"mba ho feno ny fifaliansika" na "mba hahatonga ny tenantsika ho faly tanteraka"

**1 John 1:5**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka eto hatramin'ny toko manaraka, Jaona dia manoratra momba ny finamanana- fifandraisana akaiky eo amin'Andriamanitra sy ireo mpino hafa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "-nay" sy "isika" dia maneho ny mpino rehetra, ao anatin'izany ny olona izay hanoratan'i Jaona. Raha tsy misy fanamarihana hafa, izay midika ho fampahatsiahivana ity boky ity.

**Andriamanitra dia fahazavana**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia madio sy masina tanteraka. Ny kolontsaina izay mampifandray ny hatsarana amin'ny hazavana dia efa afaka mitana ny hevitra ny hoe hazavana na tsy

velabelarina aza ny sarinteny. DH: "Andriamanitra dia marina tanteraka toy ny hazavana madio"

**ao Aminy dia tsy misy haizina mihitsy**

Izany dia midika fa Andriamanitra dia tsy manota mihitsy ary tsy ratsy amin'ny lafiny rehetra. Ny kolontsaina izay mampifandray ny ratsy amin'ny haizina dia efa afaka mitana ny hevitra ny hoe haizina na tsy velabelarina aza ny sarin-teny. DH: "ao Aminy dia tsy misy haizin'ny fahotana"

**mandeha ao anatin'ny haizina**

Izany dia midika hoe: "manao ny ratsy"

**mandeha ao amin'ny fahazavana**

Izany dia midika hoe: "manao ny tsara"

**ny rà'n'i Jesosy**

Izany dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy.

**Zanany**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**1 John 1:8**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "Izy," "Azy," ary "-ny" dia maneho an'Andriamanitra. (Jereo ny 1:5)

**tsy manam-pahotana**

"tsy manota mihitsy"

**dia mamitaka**

"mandainga"

**ny fahamarinana dia tsy ao amintsika**

Ny fahamarinana dia resahina toy ny hoe zavatra izay ao anatin'ireo mpino. DH: "tsy mino izay marina isika"

**amin'ny famelana ireo fahotantsika ary manadio antsika amin'ny tsy fahamarinana rehetra**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika. Jaona dia mampiasa azy ireo mba ho fanamafisana fa Andriamanitra dia hamela tanteraka ny fahotantsika. DH: "ary hamela tanteraka antsika amin'izay diso nataontsika"

**manao Azy ho mpandainga isika**

manambara isika fa mpandainga Izy. DH: "mitovy amin'ny hoe miantso Azy ho mpandainga izany, satria Izy dia niteny fa isika rehetra dia nanota"

**tsy ao amintsika ny teniny**

Ny fankatoavana sy ny fanomezana voninahitra ny tenin'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe ao anatin'ny mpino ny teniny. DH: "izahay dia tsy mahafantatra ny tenin'Andriamanitra no sady tsy mankato izay lazainy"

## Chapter 2

<sup>1</sup> Anaka, manoratra ireto zavatra ireto aho mba tsy hanotanareo. Kanefa raha misy manota, dia manana mpisolo vava isika miaraka amin'ny Ray, Jesosy Kristy, ilay marina. <sup>2</sup> Izy no fanavotana an'ireo fahotantsika, ary tsy ny antsika ihany, fa ny an'izao tontolo izao iray manontolo ihany koa. <sup>3</sup> Amin'izany no ahafantarantsika fa mahafantatra Azy isika: raha mitandrana ireo didiny isika. <sup>4</sup> Ilay miteny hoe: "Mahafantatra an'Andriamanitra aho", fa tsy mitandrana ireo didiny, dia mpandainga, ary ny marina dia tsy ao aminy. <sup>5</sup> Fa na iza na iza mitandrana ny teniny, marina tokoa, dia ao amin'izany olona izany no nanatanterahana ny fitiavan'Andriamanitra. Amin'izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika. <sup>6</sup> Ilay iray izay miteny fa mitoetra ao amin'Andriamanitra dia tokony andeha ihany koa izy tahaka ny nandehanan'i Jesosy Kristy. <sup>7</sup> Ry malala, tsy manoratra didy vaovao ho anareo aho, fa didy taloha izay efa nananareo hatramin'ny fiandohana. Ny didy taloha dia ny teny izay renareo. <sup>8</sup> Fa manoratra didy vaovao ho anareo aho, izay marina ao amin'i Kristy sy ao aminareo, satria ny haizina dia mandalo, fa ny fahazavana marina dia efa mampiratra. <sup>9</sup> Ilay iray izay miteny fa ao amin'ny mazava izy ary mankahala ny rahalahiny dia ao anaty haizina hatramin'izao. <sup>10</sup> Ilay iray izay mitia ny rahalahiny dia mitoetra ao amin'ny mazava ary tsy hisy fotoana hanafintohinana azy. <sup>11</sup> Fa ilay iray izay mankahala ny rahalahiny ao amin'ny haizina dia mandeha ao amin'ny haizina; izy dia tsy mahafantatra izay alehany, satria ny haizina dia efa nahajamba ny masony. <sup>12</sup> Manoratra ho anareo aho, ry zanaka malala, satria ireo fahotanareo dia voavela nohon'ny anarany. <sup>13</sup> Manoratra ho anareo aho, ry ray, satria fantatrareo ilay iray avy amin'ny fiandohana. Manoratra ho anareo aho, ry zatovo, satria noresenareo ilay ratsy. Efa nanoratra ho anareo aho, ry zaza madinika, satria ianareo dia mahafantatra ny Ray. <sup>14</sup> Efa nanoratra ho anareo aho, ry ray, satria fantatrareo ilay avy amin'ny fiandohana. Efa nanoratra ho anareo aho, ry zatovo, satria mafy ianareo, ary ny tenin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminareo, ary ianareo dia efa nandresy ilay ratsy. <sup>15</sup> Aza mitia na an'izao tontolo izao na ireo zavatra eo aminy. Raha misy mitia an'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy ny fitiavan'ny Ray. <sup>16</sup> Fa ny zavatra rehetra izay ao amin'izao tontolo izao-dia ny filan'ny nofo, ny filan'ny maso, ary ny fieboebon'ny fiainana-izay tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao. <sup>17</sup> Izao tontolo izao sy ny faniriany dia mandalo. Fa na iza na iza manao ny sitrapon'Andriamanitra dia hitoetra mandrakizay. <sup>18</sup> Rankizy, ity no ora farany. Toy ny efa renareo fa ho avy ny antiKristy, ankehitriny maro ireo antiKristy izay efa tonga. Amin'izany no ahafantarantsika fa ity no ora farany. <sup>19</sup> Niala tamintsika izy ireo, kanefa tsy avy amintsika. Fa raha tamintsika izy ireo dia nitoetra niaraka tamintsika. Fa rehefa niala izy ireo, dia nampiseho fa tsy tamintsika. <sup>20</sup> Fa manana fanosorana avy amin'ilay Iray Masina ianareo, ary fantatrareo rehetra ny marina. <sup>21</sup> Tsy nanoratra ho anareo aho satria ianareo dia tsy mahalala ny marina, fa satria fantatrareo izany ary tsy misy lainga avy amin'ny marina. <sup>22</sup> Iza no mpandainga fa tsy ilay iray izay mandà fa i Jesosy no Kristy? Izay olona izay dia ilay antiKristy, rehefa mandà ny Ray sy ny Zanaka izy. <sup>23</sup> Tsy misy olona izay mandà ny Zanaka ka hanana ny Ray. Na iza na iza manaiiky ny Zanaka ihany koa dia manana ny Ray. <sup>24</sup> Fa ho anareo, aoka izay renareo hatramin'ny fiandohana hitoetra ao aminareo. Raha izay renareo hatramin'ny fiandohana no mitoetra ao aminareo, dia hitoetra ao amin'ny Zanaka sy ao amin'ny Ray ihany koa ianareo. <sup>25</sup> Izany no fampanantenana nomeny antsika: dia ny fiainana mandrakizay. <sup>26</sup> Efa nanoratra izany zavatra izany ho anareo aho momban'ireo izay hitondra anareo amin'ny lalan-diso. <sup>27</sup> Fa ho anareo, ilay hosotra izay noraisinareo avy taminy dia hitoetra ao aminareo, ary ianareo dia tsy mila olona mampianatra anareo. Fa toy izay nampianarin'ny fanosorana anareo ny zavatra rehetra dia marina ary tsy lainga, ary toy izay efa nampianarin'izany anareo, dia mitoera ao Aminy. <sup>28</sup> Ankehitriny, ry zanaka malala, mitoera ao aminy, mba rehefa miseho Izy, dia hanana fahasahiana isika ary tsy ho menatra eo anatrehany amin'ny fiaviany. <sup>29</sup> Raha fantatrareo fa izy no marina, fantatrareo fa izay rehetra manao ny mety dia teraka taminy.

### Footnotes

2:20 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: misy dikantenany hafa sasany vaovao izay mivaky hoe: "manana ny fahalalana rehetra ianareo." Ny dikantenany sasany taloha dia mivaky hoe: "ary fantatrareo ny zavatra rehetra."



**1 John 2:1****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manohy ny fanoratana momba ny finamanana sy mampiseho fa mety izany satria Jesosy dia eo anelanelan'ireo mpino sy ny Ray.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "isika" dia maneho an'i Jaona sy ireo mpino rehetra. Ny teny hoe: "azy" sy "-ny" dia mety ho maneho an'Andriamanitra ilay Ray na Jesosy.

**Anaka**

Jaona dia zokiolona ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny zanako"

**manoratra ireto zavatra ireto aho**  
"manoratra ity taratasy ity aho"

**Kanefa raha misy manota**

"Raha misy olona manota." Izany dia zavatra izay mety hitranga.

**mpisolovava isika miaraka amin'ny Ray**

Ny teny hoe: "mpisolovava" eto dia maneho an'i Jesosy. DH: "olona iray izay miteny amin'Andriamanitra ilay Ray sy mangataka Aminy mba hamela antsika"

**Izy no fanavotana an'ireo fahotantsika**

"Nanao sorona ny fiainany manokana Izy ho antsika, ary satria Andriamanitra namela ny fahotantsika"

**Amin'izany no ahafantarantsika fa mahafantatra Azy isika: raha mitandrina ireo didiny isika**

"Raha manao izay lazainy isika, dia afaka matoky fa manana fifandraisana tsara Aminy"

**mahafantatra Azy isika**

"manana fifandraisana Aminy isika"

**1 John 2:4****Ilay miteny hoe**

"Ilay olona iray izay miteny hoe"

**Mahafantatra an'Andriamanitra aho**

"Manana fifandraisana tsara amin'Andriamanitra aho"

**tsy mitandrina**

"tsy nanao" na "tsy nankato"

**ireo didiny**

"izay nolazain'Andriamanitra ho ataony"

**ary ny marina dia tsy ao aminy**

Ny marina dia resahina toy ny hoe zavatra izay ao anatin'ireo mpino. DH: "izy dia tsy mino izay lazain'Andriamanitra hoe marina"

**mitandrina**

"manao" na "mankato"

**mitandrina**

"izay nolazain'Andriamanitra ho ataony"

**ny fitiavan'Andriamanitra**

Ireo mety ho dikany 1) "ny fitiavantsika an'Andriamanitra" na 2) "ny fitiavan'Andriamanitra antsika."

**marina tokoa, dia ao amin'izany olona izany no nanatanterahana ny fitiavan'Andriamanitra**

Izany dia afaka atao hoe: DH: "Andriamanitra nanatanteraka ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'izany olona izany," "Fa marina tokoa, ireo izay mankato ny didin'Andriamanitra dia olona tia an'Andriamanitra amin'ny fomba rehetra," na "Ny fitiavan'Andriamanitra ny olona dia nahatanteraka ny tanjon'izany rehefa manao izay lazainy izy ireo"

**Amin'izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika**

Ny teny hoe: "ao aminy isika" dia midika fa ny mpino dia miray mandrakariva amin'Andriamanitra na manana fifandraisana mitohy miaraka amin'Andriamanitra. Matetika ato amin'ny 1 Jaona ny teny hoe: "mitoetra ao aminy" dia ampiasaina mba haneho zavatra mitovy. DH: "Rehefa mankato izay lazain'Andriamanitra isika, dia afaka matoky fa manana fifandraisana Aminy"

**mitoetra ao amin'Andriamanitra**

"manana fifandraisana amin'Andriamanitra"

**tokony andeha ihany koa izy tahaka ny nandehanan'i Jesosy Kristy**

Ny fitondrana ny fiainan'ny tsirairay dia resahina toy ny hoe fandehananana. DH: "tsy maintsy miaina tahaka ny niainan'i Jesosy Kristy" na "tokony hankato an'Andriamanitra ihany koa tahaka izay nataon'i Jesosy Kristy"

**1 John 2:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manome an'ireo mpino ny fototry ny finamanana - ny fankatoavana ary ny fitiavana.

**Ry malala**

"Ianareo ry olona tiako" na "Ry namana malala"

**tsy manoratra didy vaovao ho anareo aho, fa didy taloha**

"Izaho manoratra ho anareo mba hifankatiavanareo, izay tsy zava-baovao fa didy taloha izay efa renareo." Jaona dia milaza ny didin'i Jesosy momba ny fifankatiavana.

**hatramin'ny fiandohana**

Eto ny hoe: "fiandohana" dia maneho ny fotoana nanapahan'izy ireo hevitra fa hanaraka an'i Kristy. DH: "nanomboka tamin'ny ninoanareo an'i Kristy voalohany"

**Fa manoratra didy vaovao ho anareo aho**

"Fa amin'ny fomba iray hafa ny didy soratako aminareo dia vaovao"

**izay marina ao amin'i Kristy sy ao aminareo**

Eto ny teny hoe: "ao" dia midika hoe: "nohon'ny." DH: "izay marina nohon'ny nataon'i Kristy, ary noho izay nataonareo"

**ny haizina dia mandalo, fa ny fahazavana marina dia efa mamiratra**

Eto ny "haizina" dia maneho ny ratsy ary ny "hazavana" dia maneho ny hatsarana. DH: "satria nitsahatra nanao ny ratsy ianareo ary manao ny tsara hatrany hatrany"

**1 John 2:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "rahalahy" dia maneho ny namana Kristiana.

**Ilay iray izay miteny**

"Izay rehetra miteny" na "Ireo izay manambara" Tsy voafaritra ny olona eto.

**ao amin'ny mazava izy**

Izany dia sarisarin'ny fiainana marina. Rehefa manao ny marina ny olona, dia afaka manao izany amin'ny mazava fa tsy miafina ao amin'ny haizina. DH: "manao ny marina izy"

**ao anaty haizina**

Izany dia sarisarin'ny fiainana feno fahotana. Rehefa manao izay diso ny olona, dia tahaka ny miafina ao amin'ny haizina izy ireo. DH: "dia ao amin'ny haizina, manao ny ratsy"

**tsy hisy fotoana hanafintohinana azy**

"tsy hisy na inona na inona hahatonga azy ho tafintohina." Ny teny hoe: "fanafintohinana" dia sarin-teny izay midika hoe lavo ara-panahy na aratsaina. DH: "tsy misy na inona na inona hampanota azy" na "tsy ho lavo amin'ny fanaovana izay mahafaly an'Andriamanitra izy"

**ao amin'ny haizina dia mandeha ao amin'ny haizina**

Ity hevitra ity dia lazaina indroa mba hisarihana ny saina ny amin'ny faharatsian'ny fankahalana ny rahalahy mpino. DH: "miaina ao amin'ny haizina" na "miaina ao amin'ny haizin'ny fahotana"

**tsy mahafantatra izay alehany**

Izany dia sarisarin'ny mpino izay tsy miaina araka ny fomba Kristiana. DH: "na izy aza dia tsy mahafantatra fa manao ny ratsy izy"

**ny haizina dia efa nahajamba ny masony**

"nahajamba ny masony ny haizina." Ny haizina dia sarin-teny ho an'ny fahotana na ratsy. DH: "nataon'ny fahotana tsy nahalala ny marina izy"

**1 John 2:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia manazava ny antony hanoratany ny taratasiny ho an'ny sokajin-taona na ho an'ireo mpino samihafa fahamatorana. Miezaha mampiasa teny mitovy amin'ireo fehezanteny ireo, araka ny nanoratana azy ireo tamin'ny fomba kanto.

**ry zanaka malala**

Jaona dia zokiolona ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny zanako" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:1.

**ireo fahotananareo dia voavela**

Izany dia afaka atao hoe: "Andriamanitra mamela ny fahotananareo"

**nohon'ny anarany**

"ny anarany" dia maneho an'i Kristy sy ny maha-izy Azy. DH: "noho izay vitan'i Kristy ho anareo"

**Manoratra ho anareo aho, ry ray**

Ny teny hoe: "ray" eto dia mety ho sarin-teny maneho ireo mpino matotra. DH: "Izaho dia manoratra ho anareo, ry mpino matotra"

**fantatrarao**

"ianareo dia manana fifandraisana amin'ny"

**ilay iray avy amin'ny fiandohana**

"ilay iray izay velona mandrakizay" na "ilay iray izay nisy hatramin'izay." Izany dia maneho an'i "Jesosy" na "Andriamanitra ilay Ray."

**ry zatovo**

Izany dia mety hoe maneho an'ireo izay tsy mpino intsony fa mitombo ao amin'ny fahamatorana ara-panahy. DH: "mpino zatovo"

**mafy ianareo**

Eto ny hoe: "mafy" dia tsy maneho ny tanjaky ny mpino ara-batana, fa ny finoan'izy ireo an'i Kristy.

**ny tenin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminareo**

Ny mpanoratra dia maneho ny fitomboan'ny finoan'ireo mpino an'i Kristy sy ny fahalalana azy toy ny hoe miteny ny tenin'Andriamanitra misy ao amin'izy ireo izy. DH: "ianareo mahafantatra ny tenin'Andriamanitra"

**nandresy**

Ny mpanoratra dia miresaka ny fandavan'ny mpino hanaraka an'i Satana sy ny fahakivian'izy ireo ny

drafitrany toy ny hoe raharaha momba ny fandresena azy.

### 1 John 2:15

#### Aza mitia an'izao tontolo izao

Ao amin'ny 2:5-17 ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia maneho ny zavatra rehetra tian'ny olona atao izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra. DH: "Aza manana toetra tahaka ny olona eto amin'izao tontolo izao izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra"

#### na ireo zavatra eo aminy

"ary aza maniry ireo zavatra izay tian'ireo tsy manome voninahitra an'Andriamanitra"

#### Raha misy mitia an'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy ny fitiavan'ny Ray

Ny olona iray dia tsy afaka mitia an'izao tontolo izao sy izay rehetra tsy manome voninahitra an'Andriamanitra fa mitia ny Ray amin'izay fotoana izay.

#### tsy ao aminy ny fitiavan'ny Ray

"tsy tia ny Ray izy"

#### ny filan'ny nofo, ny filan'ny maso, ary ny fiavonavonan'ny fiainana

Io dia lisitry ny zavatra sasany eto an-tany. Izany dia manazava ny dikan'ny "zavatra rehetra izay eto an-tany"

#### ny filan'ny nofo

"faniriana mafy hahazo fahafinaretan'ny nofo feno fahotana"

#### ny filan'ny maso

"faniriana mafy hahazo izay zavatra hita"

#### ny fieboebon'ny fiainana

"fireharehan'ny fiainana." Mety tafiditra ao anatin'izany ireo fananana sy toetra. "mirehareha momba ny zavatra ataon'ny olona iray na ataony" na "ny fireharehana tsapan'ny olona nohon'ny fananan'izy ireo sy izay ataony"

#### ny fiainana

Maneho ny zavatra izay hananan'ny olona mba hivelomana izany, toy ny fananana sy harena ary ny toetra.

#### tsy avy amin'ny Ray

"tsy fomba fiainana nampianarin'ny Ray antsika izany"

#### mandalo

"tsy ho eto indray andro any"

### 1 John 2:18

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia mampitandrina ireo izay manohitra an'i Kristy.

#### Rankizy

"Kristiana tsy mbola matotra." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:1.

#### ity no ora farany

Ny teny hoe: ora farany" dia maneho ny fotoana marina alohan'ny hiverenan'i Jesosy. DH: "Jesosy dia hiverina tsy ho ela"

#### ho avy ny antiKristy

"misy olona maro manohitra an'i Kristy"

#### Amin'izany no ahafantarantsika

"ary noho izany no ahafantarantsika" na "satria maro ny antikristy ho avy, dia mahafantatra isika"

#### Niala tamintsika izy ireo

"Namela antsika izy ireo"

#### fa tsy tamintsika

"fa tsy tena anay izy ireo" na "tsy tena anisan'ny vondrona misy anay izy ireo." Ny antony tsy maha-tena ao anatin'ny vondrona misy anay azy ireo dia satria izy ireo tsy mpino ao amin'i Jesosy.

#### Fa raha tamintsika izy ireo dia nitoetra niaraka tamintsika

"Fantatsika izany satria tsy hamela antsika izy ireo raha tena mpino"

### 1 John 2:20

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ao amin'ny Testamenta Taloha ny teny hoe: "fanosorana" dia maneho ny fanosorana menaka amin'ny olona iray izay atokana hanompo an'Andriamanitra.

#### Fa manana fanosorana avy amin'ilay Iray Masina ianareo

"Fa ilay Iray Masina dia nanosotra anao." Eto ny hoe: "fanosorana" dia maneho an'i Jesosy manome ilay Iray Masina ny mpino mba hanokana azy ireo hanompo an'Andriamanitra. DH: "Fa Jesosy Kristy, ilay Iray Masina, nanome anareo ny Fanahiny"

#### tsy misy lainga avy amin'ny marina

Eto ny fandaingana dia resahina toy ny hoe zavatra iray. DH: "tsy misy lainga avy amin'Andriamanitra, ilay marina"

### 1 John 2:22

#### Iza no mpandainga fa tsy ilay iray izay mandà fa i Jesosy no Kristy?

"Iza no mpandainga?" Izay rehetra mandà fa Jesosy no Kristy." Jaona dia mampiasa fanontaniana mba hanamafisana hoe iza ireo mpandainga.

#### mandà fa i Jesosy no Kristy

"mandà milaza fa i Jesosy no Kristy" na "miteny fa tsy Jesosy no Mesia"

**mandà ny Ray sy ny Zanaka**

"mandà milaza ny marina momba ny Ray sy ny Zanaka" na "mandà ny Ray sy ny Zanaka."

**Ray ... Zanaka**

Izany dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**hanana ny Ray**

"an'ny Ray"

**manaiky ny Zanaka**

"milaza ny marina momba ny Zanaka"

**1 John 2:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia mampahatsiahy ireo mpino mba hitoetra amin'izay ren'izy ireo voalohany.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "ianareo" dia maneho ny olona izay hanoratan'i Jaona sy ireo mpino rehetra. Ny hoe: "-ny" dia fanamafisana ary maneho an'i Kristy.

**Fa ho anareo**

Izany dia maneho ny filazan'i Jaona ny fomba tokony hiainan'izy ireo amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy azy ireo fa tsy ny fomba fiainan'ireo izay manohitra an'i Kristy.

**aoka izay renareo hatramin'ny fiandohana hitoetra ao aminareo**

"tadidio ary hinoy izay renareo hatrany ampiandohana." DH: "mitoera amin'ny fahatokiana izay nampianarina anareo momba an'i Jesosy toy ny fahatokianareo hatramin'ny naha-mpino anareo voalohany"

**izay renareo hatramin'ny fiandohana**

"izay nampianarina anareo momba an'i Jesosy tamin'ianareo tonga mpino voalohany"

**Raha izay renareo hatramin'ny fiandohana no mitoetra ao aminareo**

Ny teny hoe: "mitoetra" dia momba ny fifandraisana fa tsy famonjena. "Raha mitoetra amin'ny fahatokiana izay nampianarina anareo voalohany ianareo"

**hitoetra ao amin'ny Zanaka sy ao amin'ny Ray ihany koa ianareo**

"dia manàna ihany koa fifandraisana amin'ny Ray sy ny Zanaka." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:4.

**Izany no fampanantenana nomeny antsika: dia ny fiainana mandrakizay**

"Ary Izy nampanantena fa hahatonga antsika ho velona mandrakizay"

**fiainana**

Ny teny hoe: "fiainana" amin'ny alalan'ity taratasy ity dia maneho mihoatra ny fiainana ara-batana. Maneho an'i Jesosy izany eto, ilay fiainana mandrakizay. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**hitondra anareo amin'ny lalan-diso**

"te-hisintona anao." Misy an'ireo izay mitady hitondra an'ireo mpino hanalavitra an'Andriamanitra. DH: "hitondra anareo hiala amin'Andriamanitra sy ny Fahamarinany" "hahatonga anareo hino ny lainga"

**hitondra anareo amin'ny**

Ny fandresen-dahatra olona iray tsy hankato an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe mitarika olona hiala amin'ny lala-marina izay tokony arahina.

**1 John 2:27****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka amin'ny andininy faha-29, Jaona dia mampiditra ny hevitra amin'ny fahaterahana ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Ny andininy teo aloha dia mampiseho fa ireo mpino dia mitoetra amin'ny fahotana; ity ampahany ity dia mampiseho fa ireo mpino ihany koa dia manana toetra vaovao izay tsy afaka manota. Ity dia mampiseho hatrany ny fomba hifankahalalan'ny mpino tsirairay.

**Fa ho anareo**

Izany dia maneho ny filazan'i Jaona ny fomba tokony hiainan'izy ireo amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy azy ireo fa tsy ny fomba fiainan'ireo izay manohitra an'i Kristy.

**ny fanosorana**

Izany dia maneho ny "Fanahin'Andriamanitra." Jereo ny momba ny fanosorana ao amin'ny 2:20.

**toy izay nampianarin'ny fanosorana anareo**

"satria ny fanosorana nampianatra anareo"

**ny zavatra rehetra**

Eto izany dia filaza masaka. DH: "ny zavatra rehetra izay ilainao ho fantatra"

**mitoera ao Aminy**

"aoka ho velona ho Azy." Jereo ny fomba nandikana io fehezanteny io ao amin'ny 2:4. Ny fomba hitoeran'ny olona iray dia maneho ny finamanany na ny fifandraisana.

**Ankehitriny**

Io teny io eto dia ampiasaina mba hanamarihana tapany vaovao amin'ilay taratasy.

**ry zanaka malala**

Jaona dia zokiolona ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny

zanako" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny  
2:1.

**miseho Izy**  
"hitantsika izy"

**fahasahiana**  
"fahatokisan-tena"

**amin'ny fiaviany**  
"rehefa hiverina indray Izy"

**teraka taminy**  
"naterak'Andriamanitra" na "zanak'Andriamanitra"

---

## Chapter 3

<sup>1</sup> Indro toy ny inona ny fitiavana nomen'ny Ray antsika, mba hiantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, ary izany isika. Noho izany antony izany, izao tontolo izao dia tsy mahafantatra antsika, satria tsy mahafantatra azy izany. <sup>12</sup> Ry malala, zanak'Andriamanitra isika ankehitriny, ary izany dia mbola tsy nambara hoe ho toy ny inona isika. Isika dia mahafantatra fa rehefa miseho i Kristy, dia ho tahaka Azy isika, satria hahita Azy toa Azy isika. <sup>3</sup> Ny rehetra izay manana izany fahatokisana momba ny ho avy mifototra aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy. <sup>4</sup> Izay rehetra manota dia manao izay tsy ara-dalàna; fa ny fahotana dia tsy ara-dalàna. <sup>5</sup> Ianareo dia mahafantatra fa i Kristy dia nambara mba hanala ireo fahotana, ary ao aminy dia tsy misy fahotana. <sup>6</sup> Tsy misy olona izay mitoetra ao aminy ka mbola hanota hatrany. Tsy misy olona mbola manota nahita azy na nahafantatra azy. <sup>7</sup> Ry zanaka malala, aza avela hisy olona hamitaka anareo. Ilay iray izay manao ny fahamarinana dia marina, tahaka ny mahamarina an'i Kristy. <sup>8</sup> Ilay iray izay manota dia avy amin'ny devoly, fa ny devoly dia nanota hatrany am-piandohana. Noho izany antony izany ny Zanak'Andriamanitra dia naseho, mba hahafahany mamotika ireo asan'ny devoly. <sup>9</sup> Na iza na iza naterak'Andriamanitra dia tsy hanohy ny fahotana satria ny voa avy tamin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminy. Tsy afaka manohy ny fahotana izy satria naterak'Andriamanitra. <sup>10</sup> Ao amin'izany no hampisehoana ireo zanak'Andriamanitra sy ireo zanaky ny devoly. Na iza na iza tsy manao ny marina dia tsy avy amin'Andriamanitra; na ny iray izay tsy tia ny rahalahiny ihany koa aza. <sup>11</sup> Fa izany no hafatra izay efa renareo hatrany am-piandohana: fa isika dia tokony mifankatia, <sup>12</sup> fa tsy toa an'i Kaina, izay avy amin'ilay ratsy sy namono ny rahalahiny. Fa nahoana izy no namono azy? Satria ireo asany dia ratsy, ary ny an'ny rahalahiny dia marina. <sup>13</sup> Aza gaga, ry rahalahiko, raha mankahala anareo ny tany. <sup>14</sup> Fantatsika fa efa niala tamin'ny fahafatesana mankany amin'ny fiainana isika, satria tia an'ireo rahalahy isika. Izay tsy tia dia mitoetra any amin'ny fahafatesana. <sup>15</sup> Izay mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona. Fantatrareo fa tsy misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao aminy. <sup>16</sup> Amin'izany no hahafantarantsika ny fitiavana, satria Kristy nanolotra ny ainy ho antsika. Isika ihany koa dia tokony manolotra ny aintsika ho an'ireo rahalahy. <sup>17</sup> Fa na iza na iza manana ny haren'izao tontolo izao, ka mahita ny fahasahiranana ny rahalahiny, ary manakatona ny fon'ny fangorahany azy, amin'ny fomba ahoana no itoeran'ny fitiavan'Andriamanitra ao aminy? <sup>18</sup> Ry zanako malalako, aoka isika tsy hitia amin'ny teny na koa amin'ny vava, fa amin'ny asa sy fahamarinana. <sup>19</sup> Avy amin'izany no hahafantarantsika fa avy amin'ny fahamarinana isika, ary mampatoky ny fontsika eo anatrehan'ny isika. <sup>20</sup> Fa raha manameloka antsika ny fontsika, Andriamanitra dia lehibe noho ny fontsika, ary mahafantatra ny zava-drehetra Izy. <sup>21</sup> Ry malala, raha tsy manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahatokisana amin'Andriamanitra isika. <sup>22</sup> Na inona na inona angatahintsika dia ho azontsika avy aminy, satria isika mitandrana ireo didiny sy manao izay ankasitrahana eo anatrehan'ny. <sup>23</sup> Izao no didiny: tokony mino ny anaran'ny Zanany Jesosy Kristy ary mifankatia isika, tahaka ny efa nanomezany antsika izany didy izany. <sup>24</sup> Ny iray izay mitazona ireo didin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminy, ary Andriamanitra mitoetra ao aminy. Amin'izany no hahafantarantsika fa izy dia mitoetra ao amintsika, amin'ny Fanahy izay nomeny antsika.

### Footnotes

3:1 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia tsy manisy hoe: "ary izany isika."

### 1 John 3:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Amin'ity ampahany ity Jaona dia miteny an'ireo mpino momba ny toetra vaovaon'izy ireo izay tsy afaka manota.

**Indro toy ny inona ny fitiavana nomen'ny Ray antsika**  
"Hevero ny fitiavan'ny Ray antsika"

**mba hiantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra**  
"ny Ray dia miantso antsika hoe zanany"

#### zanaka

Midika hoe olona izay an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana ao amin'i Jesosy izany eto.

**Noho izany antony izany, izao tontolo izao dia tsy mahafantatra antsika, satria tsy mahafantatra azy izany**  
Ireo mety ho dikany: 1) "Satria isika dia zanak'Andriamanitra ary satria izao tontolo izao dia

tsy mahafantatra an'Andriamanitra, dia tsy mahafantatra antsika izany" na 2) Satria izao tontolo izao dia tsy mahafantatra an'Andriamanitra, dia tsy mahafantatra antsika izany."

**izao tontolo izao dia tsy mahafantatra antsika, satria tsy mahafantatra azy izany**

Eto ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia maneho ny olona izay manome voninahitra an'Andriamanitra. DH: "Ireo izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra dia tsy mahafantatra fa isika dia an'Andriamanitra, satria izy ireo dia tsy mahafantatra an'Andriamanitra"

**Ry malala**

"Ianareo ry olona izay tia Ahy" na "Ry namana malala." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:7.

**izany dia mbola tsy nambara**

Afaka atao hoe: DH: "Andriamanitra tsy mbola nanambara"

**nambara**

Izany dia mety midika hoe: "nolazaina" na "naseho."

**Ny rehetra izay manana izany fahatokisana momba ny ho avy mifototra aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy**

"Izay rehetra mahatoky fa hahita an'i Kristy araka ny maha-izy Azy dia hitazona ny tenany ho madio satria Kristy dia madio."

**1 John 3:4**

**dia manao izay tsy ara-dalàna**

"dia mandà hankato ny lalàn'Andriamanitra"

**i Kristy dia nambara**

Afaka atao hoe: "Kristy dia niseho" na "ilay Ray dia nanambara an'i Kristy"

**mitoetra ao aminy**

"manana fifandraisana amin'Andriamanitra." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:4.

**Tsy misy olona ... nahita azy na nahafantatra azy**

Jaona dia mampiasa ny teny hoe: "nahita" sy "nahafantatra" mba hilazana fa ny olona iray izay manota dia tsy nihaona tamin'i Kristy mihitsy raha ara-panahy. Ny olona izay manana toetra feno fahotana dia tsy afaka mahafantatra an'i Kristy. DH: "Tsy misy olona ... tsy tena nino azy mihitsy"

**1 John 3:7**

**Ry zanaka malala**

Jaona dia zokiolona ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny zanako." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:1.

**aza avela hisy olona hamitaka anareo**

Ny hoe resy lahatra tamin'ny tsy fankatoavana an'i Kristy dia resahina toy ny hoe nisy voavily tamin'ny lala-marina izay tokony arahina. DH: "aza avela hisy hanadala anao" na "aza avela hisy hamitaka anao"

**Ilay iray izay manao ny fahamarinana dia marina, tahaka ny mahamarina an'i Kristy**

"Izay manao ny marina dia manao izay mahafaly an'Andriamanitra tahaka an'i Jesosy manao izay mahafaly an'Andriamanitra."

**avy amin'ny devoly**

"an'ny devoly" na "tahaka ny devoly"

**hatrany am-piandohana**

Izany dia maneho ny fotoana nahariana efa tany aloha be talohan'ny nanotan'ny olombelona voalohany. DH: "hatrany amin'ny fotoana talohan'ny fahariana"

**ny Zanak'Andriamanitra dia naseho**

Afaka atao hoe: DH: "Andriamanitra nampiseho ny Zanany"

**Zanak'Andriamanitra**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**1 John 3:9**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ankehitriny Jaona dia mamarana ity fizarana ity amin'ny fahaterahana vaovao sy ny toetra vaovao izay tsy afaka manota.

**Na iza na iza naterak'Andriamanitra**

Afaka atao hoe: DH: "Na iza na iza nataon'Andriamanitra ho zanany"

**ny voa avy tamin'Andriamanitra**

Izany dia miresaka ny Fanahy Masina, izay omen'Andriamanitra ireo mpino ka hahatonga azy ireo ho afaka hanohitra ny fahotana ary hanao izay mahafaly an'Andriamanitra toy ny hoe voa mivaingana izay nambolena tao anaty tany ka nitombo. Izany matetika dia maneho ny toetra vaovao. DH: "ny Fanahy Masina"

**naterak'Andriamanitra**

Afaka atao hoe: DH: "Andriamanitra nanome fiainana ara-panahy vaovao azy" na "zanak'Andriamanitra izy"

**Ao amin'izany no hampisehoana ireo**

**zanak'Andriamanitra sy ireo zanaky ny devoly**

Afaka atao hoe: DH: "Izany no hahafantarantsika ny zanak'Andriamanitra sy ny zanaky ny devoly"

**Na iza na iza tsy manao ny marina dia tsy avy amin'Andriamanitra; na ny iray izay tsy tia ny rahalahiny ihany koa aza**

Eto ny hoe: "rahalahy" dia midika hoe namana Kristiana. "Ireo izay manao ny fahamarinana ihany no avy amin'Andriamanitra, ary izay tia ireo rahalahiny ihany no avy amin'Andriamanitra"

### 1 John 3:11

**Fampifandraisana ny fotokevitra:**

Eto Jaona dia mampianatra ireo mpino ny fomba hifankahalalan'izy ireo amin'ny fomba fiainan'izy ireo; mampianatra ireo mpamaky mba hifankatia.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Kaina sy Abela no zanaka voalohan'i Adama sy Eva, lehilahy sy vehivavy voalohany.

**tsy toa an'i Kaina**

Tsy tokony manao toa an'i Kaina isika.

**rahalahiny**

Izany dia maneho ny zandrin'i Kaina, dia i Abela.

**Fa nahoana izy no namono azy? Satria**

Jaona dia mampiasa io fanontaniana io mba hampianarana ireo mpihaino azy. Afaka atao hoe: "Novonoiny izy satria"

**ireo asany dia ratsy, ary ny an'ny rahalahiny dia marina**  
Ny asan'ny rahalahiny dia marina. DH: "nanao zavatra ratsy izy ary ny rahalahiny nanao izay marina"

### 1 John 3:13

**ry rahalahiko**

"namana mpino"

**raha mankahala anareo ny tany**

Eto ny teny hoe: "ny tany" dia maneho ireo olona izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra. DH: "raha mankahala anao izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra ireo izay tsy manome voninahitra an'Andriamanitra"

**niala tamin'ny fahafatesana mankany amin'ny fiainana isika**

Ny fepetran'ny fiainana sy ny fahafatesana dia resahina toy ny hoe toerana mivaingana afaka handehanana sy hiverenan'ny olona. DH: "tsy maty ara-panahy isika fa velona ara-panahy"

**fiainana**

Ny teny hoe: "fiainana" amin'io taratasy io dia maneho izay mihoatra ny fiainana ara-batana. Izany eto dia maneho an'i Jesosy, ilay fiainana mandrakizay. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**mitoetra any amin'ny fahafatesana**

"mbola maty ara-panahy"

**Izay mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona**

Jaona dia miresaka ny olona iray izay mankahala ny hafa toy ny hoe mpamono olona. Raha mbola manao vono olona ny olona, Andriamanitra dia manao izay rehetra mankahala ho meloka tahaka ny olona iray izay mamono olona. DH: "Izay rehetra mankahala mpino hafa dia meloka tahaka ny olona iray izay mamono olona iray"

**tsy misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao aminy**

"Ny fiainana mandrakizay" dia zavatra izay omen'Andriamanitra ireo mpino rehefa maty izy ireo, ary hery izay omen'Andriamanitra ireo mpino amin'ny fiainany ihany koa mba hanampy azy ireo tsy hanota intsony ka hanao izay mahafaly Azy. Eto ny fiainana mandrakizay dia resahina toy ny hoe zavatra izay mety ho ao amin'ny olona iray. DH: "ny mpamono olona iray dia tsy manana ny herin'ny fiainana ara-panahy miasa ao anatin'ny"

### 1 John 3:16

**Kristy nanolotra ny ainy ho antsika**

Izany fiteny izany dia midika hoe: "Kristy dia nanome an-tsitraro ny fiainany ho antsika" na "Kristy dia maty an-tsitraro ho antsika"

**ny haren'izao tontolo izao**

fananana mivaingana tahaka ny vola, sakafo, na akanjo

**mahita ny fahasahiranana ny rahalahiny**

"ary mahita fa mila fanampiana ny namana mpino iray"

**ary manakatona ny fon'ny fangorahany azy**

ny "ary manakatona ny fon'ny fangorahany azy" dia sarin-teny. DH: "fa tsy mampiseho fangorahana aminy" na "fa tsy manampy azy an-tsitraro"

**amin'ny fomba ahoana no itoeran'ny fitiavan'Andriamanitra ao aminy?**

Jaona dia mampiasa fanontaniana mba hampianarana ireo mpihaino azy. DH: "Ny fitiavan'Andriamanitra dia tsy ao aminy"

**Ry zanako malalako**

Jaona dia lehilahy zokiny ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny zanako" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:1.

**aoka isika tsy hitia amin'ny teny na koa amin'ny vava**

Ireo teny hoe: "amin'ny teny" sy "amin'ny vava" dia samy maneho izay lazain'ny olona iray. DH: "aza tenenina fotsiny ny fitiavana ny olona"

**fa amin'ny asa sy fahamarinana**

Ny matoanteny hoe: "mitia" dia raisina amin'ny tapany voalohany amin'ity fehezanteny ity. DH: "fa



asehoy fa tena tianareo marina ny olona amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo"

### 1 John 3:19

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Eto Jaona dia mety miteny fa ny fahafahan'ireo mpino mitia an'Andriamanitra sy ny tena fifankatiavan'izy ireo (jereo ny andininy faha-18) dia famantarana fa ny fiainam-baovaon'izy ireo dia avy amin'ny fahamarinana momba an'i Kristy.

#### **avy amin'ny fahamarinana isika**

"isika dia an'ny fahamarinana" na DH: "mivelona araky ny lalana nampianarin'i Jesosy antsika isika"

#### **mampatoky ny fontsika ... isika**

Ny teny hoe: "fo" eto dia maneho ireo fihetsem-po. DH: "tsy mahatsiaro tena ho meloka isika"

#### **raha manameloka antsika ny fontsika**

Sarin-teny izany. DH: "raha mahafantatra isika fa nanota ka mahatsapa vokatr'izany fa meloka"

#### **Andriamanitra dia lehibe noho ny fontsika**

Andriamanitra dia mahafantatra tsara ny olona iray ary mitsara ara-drariny. Ny vokatr'izany fahamarinana izany dia mety hoe Andriamanitra dia be famindram-po kokoa noho ny eritrerintsika.

Izany hatsaran'Andriamanitra izany dia aseho amin'ny hoe: "lehibe." DH: "Andriamanitra mahafantatra mihoatra noho isika"

#### **Ry malala**

"Ianareo ry olona izay tiako" na "Ry namana malala." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:7.

#### **sy manao izay ankasitrahana eo anatrehany**

Ny hevitr'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe miankina amin'izay hitany eo anatrehany. DH: "ary manao izay sitrany isika"

### 1 John 3:23

#### **Izao no didiny**

"Izany no tian'Andriamanitra ho ataontsika"

#### **Zanany**

Izany dia fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

#### **mitoetra ao aminy, ary Andriamanitra mitoetra ao aminy**

Ny fifandraisana akaikin'ireo mpino dia aseho amin'ny hoe: "mitoetra ao aminy." Jereo izay nandikanao ny "mitoetra ao amin'Andriamanitra" ao amin'ny 2:4.

## Chapter 4

<sup>1</sup> Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra. Fa kosa, mitsapa ireo fanahy mba hahita fa avy amin'Andriamanitra izy ireo, satria mpaminany sandoka maro no efa niala tamin'izao tontolo izao. <sup>2</sup> Amin'izany no ahafantarana ireo ny Fanahin'Andriamanitra-ny fanahy rehetra izay manaiky fa i Jesosy Kristy izay tonga nofo dia avy amin'Andriamanitra, <sup>3</sup> ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky fa Jesosy dia tsy avy amin'Andriamanitra. Dia izany ny fanahin'ny antiKristy, izay efa renareo fa ho avy, ary ankehitriny dia efa eto an-tany. <sup>[1]</sup><sup>4</sup> Ianareo dia avy amin'Andriamanitra, ry zanaka malala, ary efa nandresy azy ireo, satria ilay iray izay ao aminareo dia lehibe mihaotra noho ilay iray izay eto amin'izao tontolo izao. <sup>5</sup> Izy ireo dia avy amin'izao tontolo izao; noho izany izay rehetra lazain'izy ireo dia avy amin'izao tontolo izao, ary izao tontolo izao dia mihaino an'izy ireo. <sup>6</sup> Avy amin'Andriamanitra isika. Izay mahafantatra ny Tompo dia maheno antsika. Izy izay tsy avy amin'Andriamanitra dia tsy maheno antsika. Amin'izany no ahafantarantsika ny fanahin'ny fahamarinana sy ny fanahin'ny fahadisoana. <sup>7</sup> Ry malala, aoka isika hifankatia, fa ny fitiavana dia avy amin'Andriamanitra, ary izay rehetra mitia dia naterak'Andriamanitra sy mahafantatra an'Andriamanitra. <sup>8</sup> Ny olona izay tsy mitia dia tsy mahafantatra an'Andriamanitra, satria Andriamanitra dia fitiavana. <sup>9</sup> Noho izany ny fitiavan'Andriamanitra dia nambara tamintsika, fa Andriamanitra dia nandefa ny Zanany lahitokana ho an'izao tontolo izao mba ho velona noho Izy isika. <sup>10</sup> Ao amin'izany fitiavana izany, tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ary ny nandefasany ny Zanany lahy ho fanavotana ireo fahotantsika. <sup>11</sup> Ry malala, raha tia loatra antsika Andriamanitra, dia tokony hifankatia ihany koa isika. <sup>12</sup> Tsy mbola nisy nahita an'Andriamanitra. Fa raha mifankatia isika, dia mitoetra ao amintsika Andriamanitra ary ny fitiavany dia tanteraka ao amintsika. <sup>13</sup> Amin'izany no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika ary izy ao amintsika, satria izy dia nanome antsika ny sasany amin'ny Fanahiny. <sup>14</sup> Ary ihany koa, efa nahita isika sy efa mijoro vavolombelona fa ny Ray dia efa nandefa ny Zanany lahy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao. <sup>15</sup> Na iza na iza manaiky fa Jesosy dia Zanaka lahin'Andriamanitra, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra ary izy ao amin'Andriamanitra. <sup>16</sup> Isika ihany koa dia nahafantatra ary nino ny fitiavana izay efa nananan'Andriamanitra ho antsika. Andriamanitra dia fitiavana, ary ilay iray izay mitoetra amin'izany fitiavana izany dia mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra dia mitoetra ao aminy. <sup>17</sup> Noho izany, izany fitiavana izany dia notanterahina tamintsika, mba hananantsika fahatokisana amin'ny andron'ny fitsarana, satria toa Azy, dia toy izany ihany koa isika eto amin'ity tany ity. <sup>18</sup> Tsy misy tahotra ao amin'ny fitiavana. Fa kosa, ny fitiavana tanteraka dia manala ny tahotra, satria ny tahotra dia tsy maintsy miaraka amin'ny sazy. Fa ilay iray izay matahotra dia tsy natao ho tanteraka ao amin'ny fitiavana. <sup>19</sup> Mitia isika satria Andriamanitra nitia antsika voalohany. <sup>20</sup> Raha misy olona miteny hoe: "Tiako Andriamanitra" nefa mankahala ny rahalahany, dia mpandainga izy. Fa ilay iray izay tsy mitia ny rahalahany, izay hitany, dia tsy afaka ny hitia an'Andriamanitra, izay tsy hitany. <sup>21</sup> Ary, izany ihany koa no didy izay ananantsika avy aminy: Na iza na iza mitia an'Andriamanitra dia tsy maintsy mitia ny rahalahany ihany koa.

### Footnotes

4:3 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: misy dikan-teny taloha sasany dia mivaky hoe: "Ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky fa i Jesosy tonga nofo dia tsy avy amin'Andriamanitra. Izany dia fanahin'ny antiKristy, izay efa henonareo fa ho avy, ary ankehitriny dia efa eto an-tany."

### 1 John 4:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manome fampitandremana an'ireo mpampianatra sandoka izay mpampianatra manohitra ny fananan'i Kristy vatan'olombelona sy ireo mpampianatra izay miresaka amin'ny fomba firesak'ireo izay tia an'izao tontolo izao.

#### Ry malala

"Ianareo ry olona tiako" na "Ry namana malala." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:7.

#### aza mino ny fanahy rehetra

Eto ny teny hoe: "fanahy" dia maneho ny hery arapahy izay manome hafatra na faminaniana ny olona iray. DH: "aza matoky ny mpaminany rehetra izay manambara fa manana hafatra avy amin'ny fanahy"

#### mitsapa ireo fanahy

Eto ny teny hoe: "fanahy" dia maneho ny hery arapahy izay manome hafatra na faminaniana ny olona iray. DH: "aoka mba hihaino tsara izay lazain'ny mpaminany"

**mitsapa**  
"porofoy"

**izay tonga nofo**  
"naka endrik'olombelona" na "tonga  
vatan'olombelona"

**Izany dia fanahin'ny antiKristy**  
"Izy ireo dia mpampianatra izay manohitra an'i  
Kristy"

**Izany dia fanahin'ny antiKristy, izay efa henonareo fa ho  
avy**  
"antikristy. Efa renareo fa ny olona tahaka izany dia  
efa ho avy eto amintsika"

**ho avy, ary ankehitriny dia efa eto an-tany**  
"tonga. Na ankehitriny aza dia efa eto izy ireo"

### 1 John 4:4

**ry zanaka malala**  
Jaona dia lehilahy zokiny ary mpitondra azy ireo. Izy  
dia mampiasa io fitenenana io mba hampiseho ny  
fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao  
amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny  
zanako" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny  
2:1.

**efa nandresy azy ireo**  
"tsy nino ireo mpampianatra sandoka"

**ilay iray izay ao aminareo**  
"Andriamanitra, izay ao aminareo"

**ilay iray izay eto amin'izao tontolo izao**  
Ireo mety ho dikany: 1) "ireo mpampianatra an'izao  
tontolo izao na 2) "Satana, izay eto amin'izao  
tontolo izao."

**izao tontolo izao**  
Ny teny hoe: "izao tontolo izao" dia maneho ireo  
olona rehetra izay tsy mankato an'Andriamanitra  
ary amin'ny rafitry ny faharatsiana izay misy ao  
amin'ny tontolo feno fahotana.

**Izy ireo dia avy amin'izao tontolo izao**  
"Ireo mpampianatra sandoka ireo dia olona izay tsy  
mankato an'Andriamanitra"

**noho izany izay rehetra lazain'izy ireo dia avy amin'izao  
tontolo izao**  
"noho izany izy ireo dia mampianatra hevitra izay  
manohitra an'Andriamanitra"

**ary izao tontolo izao dia mihaino an'izy ireo**  
"ka ny olona izay tsy mino an'Andriamanitra dia  
mihaino azy ireo"

### 1 John 4:7

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Jaona dia manohy mampianatra momba ny toetra  
vaovao. Izy dia mampianatra ireo mpamaky momba  
ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa.

**Ry malala**  
"Ianareo ry olona tiako" na "Ry namana malala."  
Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:7.

**aoka isika hifankatia**  
"mila mitia ny mpino hafa ireo mpino"

**ary izay rehetra mitia dia naterak'Andriamanitra sy  
mahafantatra an'Andriamanitra**  
"satria ireo izay tia ny namana mpino dia tonga  
zanak'Andriamanitra ary mahafantatra Azy"

**fa ny fitiavana dia avy amin'Andriamanitra**  
"satria Andriamanitra nampifankatia antsika"

**naterak'Andriamanitra**  
Sarin-teny izany izay midika olona iray manana  
fifandraisana amin'Andriamanitra tahaka ny zanaka  
sy ny rainy.

**Ny olona izay tsy mitia dia tsy mahafantatra  
an'Andriamanitra, satria Andriamanitra dia fitiavana**  
"Ny tena toetran'Andriamanitra dia ny mitia ny  
olona. Ireo izay tsy mitia ny mpino namany dia tsy  
mahafantatra an'Andriamanitra satria ny  
toetran'Andriamanitra dia ny mitia ny olona."

**Andriamanitra dia fitiavana**  
Sarin-teny izay midika hoe: "ny  
toetran'Andriamanitra dia fitiavana"

### 1 John 4:9

**Noho izany ny fitiavan'Andriamanitra dia nambara  
tamintsika**  
Afaka atao hoe: DH: "Tamin'ny alalan'izany no  
nanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika"

**ny fitiavan'Andriamanitra dia nambara**  
Ny hoe Andriamanitra tia ny olon-drehetra dia  
resahina toy ny hoe zavatra iray izay afaka  
asehon'Andriamanitra azy ireo.

**mba ho velona noho Izy isika**  
"mba hahatonga antsika ho velona mandrakizay  
noho izay nataon'i Jesosy"

**Ao amin'izany fitiavana izany**  
"Andriamanitra nampiseho antsika ny tena fitiavana  
"

**izany fitiavana izany, tsy ny nitiavantsika  
an'Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ary**  
"izany fitiavana izany: ny tena fitiavana dia tsy ny  
fomba hitiavantsika an'Andriamanitra, fa ny fomba  
hitiavany antsika, ary"

**ny nandefasany ny Zanany lahy ho fanavotana ireo fahotantsika**

Eto ny hoe: "fanavotana" dia maneho ny tranga izay nahalasa sorona ny Zanaka noho ny fahotan'ny zanak'olombelona rehetra. DH: "ary nandefa ny Zanany hanao sorona ny tenany mba hahafahan'Andriamanitra mamela ny fahotantsika"

## 1 John 4:11

**Ry malala**

"Ianareo ry olona tiako" na "Ry namana malala." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:7.

**raha tia loatra antsika Andriamanitra**

"satria amin'izany fomba izany no hitiavan'Andriamanitra antsika"

**hifankatia ihany koa isika**

"ireo mpino dia tokony hitia ireo mpino hafa"

**mitoetra ao amintsika Andriamanitra ... mitoetra ao aminy isika ary izy ao amintsika**

"Manana fifandraisana amintsika Andriamanitra ... manana fifandraisana amin'Andriamanitra isika ary Izy manana fifandraisana amintsika." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:4.

**ny fitiavany dia tanteraka ao amintsika**

"Ny fitiavan'Andriamanitra dia tanteraka ao anatintsika"

**Amin'izany no ahafantarantsika ... amintsika, satria izy dia nanome**

Mety hazava kokoa ny fandikanao ny teny raha esorinao ny "amin'izany" na ny "satria". DH: "Isika mahafantatra ... antsika satria Izy nanome" na "Amin'izany no ahafantarantsika ... amintsika: Izy nanome"

**satria izy dia nanome antsika ny sasany amin'ny Fanahiny**

"satria Izy nanome antsika ny Fanahiny" na "satria Izy nametraka ny Fanahiny ao anatintsika" Na izany aza, io fehezanteny io dia tsy maneho fa kely amin'ny Fanahiny sisa no mijanona raha nanome ny sasany ho antsika Izy.

**Ary ihany koa, efa nahita isika sy efa mijoro vavolombelona fa ny Ray dia efa nandefa ny Zanany lahy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao**

"Ary isika apostoly nahita ny Zanak'Andriamanitra ary niteny tamin'ny olon-drehetra fa Andriamanitra, ilay Ray, dia nandefa ny Zanany hamonjy ny olona ety an-tany"

**Ray ... Zanaka**

Ireo dia fiantsoana manan-danja izay mamaritra ny fifandraisan'Andriamanitra sy Jesosy.

## 1 John 4:15

**Na iza na iza manaiky fa Jesosy dia Zanaka lahin'Andriamanitra**

"Ireo izay milaza ny marina momba an'i Jesosy, fa Izy dia Zanak'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**

Izany dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**mitoetra ao aminy Andriamanitra ary izy ao amin'Andriamanitra**

"Andriamanitra dia manana fifandraisana Aminy ary Izy dia manana fifandraisana amin'Andriamanitra." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:4.

**Andriamanitra dia fitiavana**

Sarin-teny izay midika hoe: "ny toetran'Andriamanitra dia fitiavana." Jereo izay nandikanao azy ao amin'ny 4:7.

**ilay iray izay mitoetra amin'izany fitiavana izany dia mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra dia mitoetra ao aminy**

"ireo izay mitia hatrany ny hafa dia manana fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra dia manana fifandraisana akaiky amin'izy ireo"

## 1 John 4:17

**Noho izany, izany fitiavana izany dia notanterahina tamintsika, mba hananantsika fahatokisana**

Ireo mety ho dikany: 1) Ny "Noho izany" dia maneho ny 4:15. DH: "Satria izay rehetra miaina ny fitiavana dia ao amin'Andriamanitra ary Andriamanitra ao aminy, Andriamanitra dia nanatanteraka ny fitiavany ho antsika, ary mahatoky tanteraka isika" na 2) Ny "Noho izany" dia maneho ny "mety hanana fahatokisana isika." DH: "Isika dia matoky fa Andriamanitra dia handray antsika amin'ny andro hitsarany ny olon-drehetra, ka mahafantatra isika fa nanatanteraka ny fitiavany antsika Izy"

**izany fitiavana izany dia notanterahina tamintsika**

"izany no fomba nanatanterahan'Andriamanitra ny fitiavany antsika"

**satria toa Azy, dia toy izany ihany koa isika eto amin'ity tany ity**

"satria ny fifandraisan'i Jesosy amin'Andriamanitra dia mitovy amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra eto amin'ity tany ity"

**ny fitiavana tanteraka dia manala ny tahotra**

Eto ny hoe: "fitiavana" dia voafaritry toy ny olona iray izay manana fahefana hampandositra ny tahotra. Ny fitiavan'Andriamanitra dia lavorary. DH: "Fa rehefa tanteraka ny fitiavantsika, dia tsy matahotra intsony isika"

**satria ny tahotra dia tsy maintsy miaraka amin'ny sazy**  
"satria isika matahotra raha mieritreritra fa  
Andriamanitra dia hanasazy antsika rehefa ho avy  
hitsara ny olon-drehetra Izy"

**Fa ilay iray izay matahotra dia tsy natao ho tanteraka ao amin'ny fitiavana**  
"Rehefa matahotra ny olona iray fa hanasazy azy  
Andriamanitra, izany dia midika fa tsy tanteraka ny  
fitiavany"

## **1 John 4:19**

**mankahala ny rahalahany**  
"mankahala ny namana mpino"

**ilay iray izay tsy mitia ny rahalahany, izay hitany, dia tsy afaka ny hitia an'Andriamanitra, izay tsy hitany**  
Ny fehezanteny roa mifanohitra toy izao dia  
mifangaro, fa afaka atao hoe: DH: "izay tia ny  
rahalahiny ihany , izay hitany, no tia  
an'Andriamanitra, izay tsy hitany"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Na iza na iza mino fa i Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra, ary na iza na iza tia ny Ray ihany koa dia tia ny zanaka naterany. <sup>2</sup> Noho izany no ahafantarantsika fa tiansika ireo zanak'Andriamanitra: rehefa tia an'Andriamanitra sy manatanteraka ireo didiny isika. <sup>3</sup> Satria izany no fitiavana ho an'Andriamanitra: dia ny hanatanterahantsika ireo didiny. Ary ireo didiny dia tsy mavesatra. <sup>4</sup> Fa ny olona rehetra izay naterak'Andriamanitra dia mandresy an'izao tontolo izao. Ary izany dia fandresena izay efa nandresy an'izao tontolo izao: ny finoantsika. <sup>5</sup> Iza ilay iray izay mandresy an'izao tontolo izao? Ilay iray izay mino fa i Jesosy dia Zanak'Andriamanitra. <sup>6</sup> Izany dia ilay Iray izay tonga tamin'ny rano sy rà: Jesosy Kristy. Izy dia tonga tsy tamin'ny rano ihany, fa tamin'ny rano sy rà. <sup>7</sup> Fa misy telo izay mijoro vavolombelona: <sup>8</sup> ny Fanahy, ny rano, ary ny rà. Ireo telo ireo dia mifanaraka. <sup>9</sup> Raha mandray ny fijoroana vavolombelon'ny olona isika, dia ho lehibe kokoa ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra. Fa ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra dia izao: izy dia mijoro vavolombelona mahakasika ny Zanany. <sup>10</sup> Na iza na iza mino ny Zanak'Andriamanitra dia manana fijoroana vavolombelona ao amin'izy tenany. Izay tsy mino an'Andriamanitra dia manao Azy ho mpandainga, satria izy dia tsy nino ny fijoroana vavolombelona izay efa nomen'Andriamanitra mahakasika ny Zanany. <sup>11</sup> Ary ny fijoroana vavolombelona dia izao: Andriamanitra dia nanome antsika fiainana mandrakizay, ary izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanany. <sup>12</sup> Ilay iray izay manana ny Zanaka dia manana ny fiainana. Ny olona izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra dia tsy manana fiainana. <sup>13</sup> Efa nanoratra ireto zavatra ireto ho anareo aho mba hahafantarana ho fa manana ny fiainana mandrakizay ianareo- ho anareo izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra. <sup>14</sup> Toy izany ihany koa, izao no fifanekena izay ananantsika eo anatrehany, fa na inona na inona angatahantsika araka ny sitrapony, dia maheno antsika Izy. <sup>15</sup> Toy izany ihany koa, raha fantantsika fa mandre antsika Izy- na inona na inona angatahantsika Aminy-dia fantantsika fa azontsika izay rehetra nangatahantsika taminy. <sup>16</sup> Raha misy olona iray mahita ny rahalahiny manao fahotana izay tsy miteraka fahafatesena, tsy maintsy mivavaka izy, ary Andriamanitra dia hanome fiainana ho azy. Izaho dia mampitaha ireo izay manana fahotana tsy miteraka fahafatesana. Misy fahotana izay miteraka fahafatesana; tsy miteny aho hoe tokony hivavaka amin'izany izy. <sup>17</sup> Ny tsy fahamarinana rehetra dia fahotana, nefa misy fahotana tsy miteraka fahafatesana. <sup>18</sup> Fantantsika fa na iza na iza naterak'Andriamanitra dia tsy manota. Nefa ilay iray izay naterak'Andriamanitra dia miaro ny tenany, ary ny ratsy dia tsy afaka ny ahakasika azy. <sup>19</sup> Fantantsika fa avy amin'Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao dia mitoetra ao amin'ny ratsy. <sup>20</sup> Kanefa fantantsika fa ny Zanak'Andriamanitra dia efa tonga ary efa nanome antsika fahazavan-tsaina mba ahafantarantsika ilay iray izay tena marina. Toy izany ihany koa, isika dia ao amin'ilay iray izay marina, ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina ary fiainana mandrakizay. <sup>21</sup> Anaka, arovay amin'ireo sampy ny tenanareo.

### Footnotes

5:8 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Fa misy telo izay mijoro vavolombelona any an-danitra: ny Ray, sy ny Teny, ary ny Fanahy Masina; ary ireo telo ireo dia iray. Ary misy telo izay mijoro vavolombelona eto ambonin'ny tany: ny Fanahy, ny rano, ary ny rà; ary ireo telo ireo dia toy ny iray." Na izany aza, ireo dikan-teny tsara indrindra dia tsy mivaky toy izany.

### 1 John 5:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manohy mampianatra ireo mpamaky ny bokiny momba ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitiavana izay tokony hananan'ireo mpino satria manana ny toetra vaovaon'Andriamanitra izy ireo.

**naterak'Andriamanitra**  
"zanak'Andriamanitra"

**Noho izany no ahafantarantsika fa tiansika ireo zanak'Andriamanitra: rehefa tia an'Andriamanitra sy manatanteraka ireo didiny isika**

"Rehefa tia an'Andriamanitra isika ary manao ireo didiny, dia mahafantatra fa tia ny zanany"

**Satria izany no fitiavana ho an'Andriamanitra: dia ny hanatanterahantsika ireo didiny**

"Satria rehefa manao ireo didiny isika, dia izany no tena fitiavana an'Andriamanitra"

**Ary ireo didiny dia tsy mavesatra**

"Ary izay handidiany antsika dia tsy sarotra"

**mavesatra**

"manorotoro" na "sarotra"

## 1 John 5:4

**ny olona rehetra izay naterak'Andriamanitra**

"ny zanak'Andriamanitra rehetra"

**mandresy an'izao tontolo izao**

"mandà hanao ny zavatra ratsy izay ataon'ireo tsy mpino"

**Ary izany dia fandresena izay efa nandresy an'izao tontolo izao: ny finoantsika**

"Ny finoantsika dia manome hery antsika mba hanohitra izay rehetra mety hitarika antsika hanota amin'Andriamanitra"

**Iza ilay iray izay mandresy an'izao tontolo izao?**

Jaona dia mampiasa io fanontaniana io mba hampidirana zavatra izay tiany ampianarina. DH: "Izaho dia hilaza aminao izay mandresy an'izao tontolo izao"

**izao tontolo izao**

Ity andalana ity dia mampiasa ny hoe: "izao tontolo izao" mba hanehoana ny olona mpanota rehetra sy ireo rafitra ratsy eto amin'izao tontolo izao. DH: "ny zava-drehetra izay manohitra an'Andriamanitra eto an-tany"

**ilay iray izay mandresy an'izao tontolo izao? Ilay iray izay mino fa i Jesosy dia Zanak'Andriamanitra**

Tsy maneho olona voafaritry izany eto fa izay rehetra mino. DH: "Ilay rehetra mino fa Jesosy Kristy dia zanak'Andriamanitra."

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra izany.

## 1 John 5:6

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia mampianatra momba an'i Jesosy Kristy sy izay nolazain'Andriamanitra momba Azy.

**Izany dia ilay Iray izay tonga tamin'ny rano sy rà: Jesosy Kristy**

"Jesosy Kristy dia ilay iray izay tonga tamin'ny rano sy rà." Eto ny hoe: "rano" dia mety ho hevitra ambadiaky ny batisan'i Jesosy, ary ny "rà" dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana"

**tsy tamin'ny rano ihany, fa tamin'ny rano sy rà**

Ny rano dia maneho ny batisan'i Jesosy ary ny rà dia maneho ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana. DH: "Andriamanitra dia tsy nampiseho antsika fotsiny hoe zanany tamin'ny alalan'ny batisany Jesosy, fa tamin'ny alalan'ny batisany sy ny fahafatesany teo amin'ny hazofijaliana"

## 1 John 5:9

**Raha mandray ny vavolombelon'ireo olona isika, dia ho lehibe kokoa ny vavolombelon'Andriamanitra**

Ny mpandika teny dia afaka manao izay mampazava kokoa ny antony tokony hinoantsika izay lazain'Andriamanitra: DH: "Raha mino izay lazain'ny olona isika, dia tokony hino izay lazain'Andriamanitra satria Izy dia milaza ny marina hatrany"

**mandray ny fijoroana vavolombelon'ny olona isika**

Ny hoe fijoroana vavolombelona na mijoro vavolombelona momba ny zavatra isan-karazany dia oharina amin'ny hoe zavatra iray izay afaka raisin'ny hafa.

**lehibe kokoa ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra**

ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra dia manan-danja kokoa ary azo antoka kokoa

**Zanany**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**Na iza na iza mino ny Zanak'Andriamanitra dia manana fijoroana vavolombelona ao amin'izy tenany**

"Ilay rehetra mino an'i Jesosy dia mahafantatra tsara fa Jesosy dia Zanak'Andriamanitra"

**Izay tsy mino an'Andriamanitra dia manao Azy ho mpandainga**

"miantso an'Andriamanitra ho mpandainga"

**satria izy dia tsy nino ny fijoroana vavolombelona izay efa nomen'Andriamanitra mahakasika ny Zanany**

"satria izy dia tsy mino fa Andriamanitra dia milaza ny marina momba ny Zanany"

## 1 John 5:11

**Ary ny fijoroana vavolombelona dia izao**

"Izao no lazain'Andriamanitra"

**fiainana**

Eto ny hoe: "fiainana" dia maneho ny zo hiaina mandrakizay amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanany**

izany fiainana izany dia amin'ny alalan'ny Zanany," "ho velona mandrakizay isika raha miray amin'ny Zanany" na "ho velona mandrakizay isika raha miombona amin'ny Zanany"

**Zanany**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

**Ilay iray izay manana ny Zanaka dia manana ny fiainana**

Ny hoe manana fifandraisana akaiky amin'ny Zanaka dia resahina toy ny hoe manana ny Zanaka.

DH: "Izay mino ny Zanak'Andriamanitra dia manana ny fiainana mandrakizay"

### 1 John 5:13

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no manomboka ny fiakaran'ny taratasy'i Jaona. Miteny ny mpamaky ny antony nanoratany ny taratasy farany ary manome ny fampianarana vitsivitsy farany azy ireo.

**ireto zavatra ireto**  
"ity taratasy ity"

**ho anareo izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra**  
Eto ny hoe: "anarana" dia hevitra ambadiky ny hoe Zanak'Andriamanitra. DH: "ho anareo izay matoky ny Zanak'Andriamanitra"

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**fiainana**

Eto ny hoe: "fiainana" dia maneho ny zo hiaina mandrakizay amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**izao no fifanekena izay ananantsika eo anatrehan'ny, fa**  
"isika dia mahatoky eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra satria isika dia mahafantatra fa"

**fa na inona na inona angatahantsika araka ny sitrapony**  
"raha mangataka ny zavatra izay irin'Andriamanitra isika"

**dia fantantsika fa azontsika izay rehetra nangatahantsika tamin'ny**  
"dia fantantsika fa hahazo izay nangatahantsika tamin'Andriamanitra isika"

### 1 John 5:16

**ny rahalahiny**  
"namana mpino"

**fiainana**

Eto ny hoe: "fiainana" dia maneho ny zo hiaina mandrakizay amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**fahafatesana**

Izany dia maneho ny fahafatesana mandrakizay, izany hoe, ny mandrakizay lavitry ny fanatrehan'Andriamanitra.

### 1 John 5:18

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia mamarana ny taratasy, mijery izay nolazainy momba ny toetra vaovaon'ireo mpino tsy afaka manota ary mampahatsiahy azy ireo mba hanohitra ny fanompoan-tsampy.

**izao tontolo izao dia mitoetra ao amin'ny ratsy**

Ny hoe: "izao tontolo izao" dia fomba hanehoan'ny mpanoratra ara-baiboly ny olona mipetraka eto antany izay mikomy manohitra an'Andriamanitra sy ny rafitry ny tany izay misy fiantraikany amin'ny lafiny rehetra amin'ny herin'ny fahotana izay manimba.

**amin'ny ratsy**

Izany hoe, amin'ny herin'ny ratsy.

### 1 John 5:20

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe: "Izy" dia maneho an'i Jesosy Kristy.

**Zanak'Andriamanitra**

Izany dia fiantsoana manan-danja an'i Jesosy izay mamaritra ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

**nanome antsika fahazavan-tsaina**

"nahatonga antsika ho afaka mahafantatra ny marina"

**fiainana**

Eto ny "fiainana" dia maneho ny zo hiaina mandrakizay amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:1.

**Izy no ... fiainana mandrakizay**

Izany dia maneho ny fiheverana fa i Kristy dia manome antsika ny fiainana mandrakizay.

**Anaka**

Jaona dia zokiolona ary mpitondra azy ireo. Izy dia mampiasa io fitenenana io mba hampisehoana ny fitiavany azy ireo. DH: "Ry zanako malalako ao amin'i Kristy" na "Ianareo izay malala amiko toy ny zanako." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:1.



## Book: 2 John

### 2 John

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Avy amin'ny loholona ka hatrany amin'ny vehivavy voafidy sy ireo zanany, izay tiako amin'ny fahamarinana - ary tsy izaho ihany, fa ireo rehetra izay nahafantatra ny marina ihany koa - <sup>2</sup> nohon'ny fahamarinana izay mitoetra ao anatintsika ary hiaraka amintsika mandrakizay. <sup>3</sup> Ho amintsika anie ny fahasoavana, ny famindram-po, ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy avy amin'i Jesosy Kristy, Zanakany ny Ray, amin'ny fahamarinana sy fitiavana. <sup>4</sup> Faly indrindra aho satria nahita ny sasany amin'ireo zanakao mandeha amin'ny fahamarinana, toy ny nandraisantsika izany didy izany avy tamin'ny Ray. <sup>5</sup> Ary mangataka aminao aho, ravehivavy - tsy toy ny manoratra didy vaovao aminao aho, fa izay nananantsika hatramin'ny voalohany - dia ny tokony hifakatiavantsika samy isika. <sup>6</sup> Izao no fitiavana, dia ny mba handehanantsika araka ireo didiny. Izao no didy, araka ny renareo hatramin'ny voalohany, dia ny tokony handehananareo amin'izany. <sup>7</sup> Fa maro ireo mpamitaka efa lasa any amin'izao tontolo izao, ary izy ireo dia tsy manaiky fa Jesosy Kristy dia tonga tamin'ny nofo. Izany no mpamitaka sy antikristy. <sup>8</sup> Jereo ny tenanareo, mba tsy hahavery ireo zavatra izay efa vitantsika rehetra, fa mba handraisanareo valim-pitia feno. <sup>9</sup> Na iza na iza mandeha eo aloha ary tsy mitoetra ao amin'ny fampianaran'i Kristy dia tsy manana an'Andriamanitra. Ilay iray izay mitoetra ao amin'ny fampianarana, izany iray izany dia manana ny Ray sy ny Zanakany. <sup>10</sup> Raha misy olona tonga eo aminao ary tsy mitondra izany fampianarana izany, dia aza mandray azy ho ao an-tranonao ary aza miarahaba azy. <sup>11</sup> Fa izay miarahaba azy dia miombona amin'ny ratsy ataony. <sup>12</sup> Manana zavatra maro ho soratana aminareo aho, nefa aho tsy maniry hanoratra izany amin'ny taratasy sy ranomainty. Na izany aza, manantena ny ho tonga any aminareo aho ary hiresaka mivantana, mba ho tanteraka ny fifalianareo. <sup>13</sup> Manao veloma anao ireo zanaky ny rahavavinao voafidy.

#### 2 John 1:1

##### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Taorian'ny fiarahabana, Jaona dia nampiseho tamin'ireo mpino fa ny fitiavana sy ny fahamarinana dia miaraka.

##### Fampafahantarana amin'ny ankapobeny:

Ny fomban-drazana dia manondro an'i Jaona apostoly ho mpanoratra ity taratasy ity. Na dia ho an'ny vehivavy iray manokana, satria izy dia nanoratra fa izy ireo dia tokony "hifankatia," angamba amin'ny fiangonana izany.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny hoe "ianao" sy "anao" ao anatin'ity taratasy ity dia ilazana hoe maro raha tsy misy fanamarihana hafa.

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Amin'ity taratasy ity, Jaona dia mampiditra ny tenany sy ireo mpamakiny amin'ny fampiasana ny teny hoe: "antsika sy "anay"

##### Avy amin'ny loholona ka hatrany amin'ny vehivavy voafidy sy ireo zanany

Izany no fanombohan'ny taratasy. Ny anaran'ny mpanoratra dia azo atao mazava. DH: "Izaho, Jaona

loholona, no manoratra ity taratasy ity ho an'ny vehivavy voafidy sy ireo zanany."

##### Ny loholona

Izany dia miresaka an'i Jaona, apostoly sy mpianatr'i Jesosy. Izy dia manambara ny tenany ho "loholona" na noho ny fahanterany na noho izy mpitarika ao am-piangonana.

##### Ho an'ilay vehivavy voafidy sy ireo zanany

Izany angamba dia manondro ny fiangonana sy ireo mpino izay mpikambana ao.

##### Izay tiako amin'ny fahamarinana

"Ry olona izay tena tiako."

##### Izay nahafantatra ny marina

Izay nahafantatra ny marina mahakasika an'Andriamanitra sy i Jesosy.

##### Ray ... Zanakany

Ireo dia lohateny manan-danja izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy i Jesosy.

##### Amin'ny fahamarinana sy fitiavana

Ny teny hoe: "fahamarinana" dia mamaritra ny "fitiavana". Angamba midika izany amin'ny DH hoe: "amin'ny fitiavana marina."

## 2 John 1:4

**Ny zanakao ... ianao, vehivavy ... manoratra ho anao**  
Ny hoe "anao" sy "iana" dia hilazana zavatra tokana.

**Toy ny nandraisantsika izany didy izany avy tamin'ny Ray**  
"Toy ny nandidian'Andriamanitra Ray antsika."

**Tsy toy ny manoratra didy vaovao aminao aho**  
"Tsy toy ny mandidy anao mba hanao zavatra vaovao aho."

**Fa izay nananantsika hatramin'ny voalohany**  
Eto, "fiandohana" dia manondro ny "fotoana ninoantsika voalohany." DH: "fa manoratra aminareo kosa aho ny amin'ny nandidian'i Kristy mba ho ataontsika fony isika vao nino.

**Dia ny tokony hifankatiavantsika**  
Izany dia afaka adika ho fehezanteny vaovao: "Ary izy dia nandidy fa isika dia tokony hifankatia."

**Izao no didy, araka ny renareo hatramin'ny voalohany, dia ny tokony handehananareo amin'izany.**  
Ny fitondrana ny fiainantsika araka ny didin'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe mandeha amin'izany isika. Ny teny hoe: "izany" dia manondro ny fitiavana. "Ary nandidy anareo Izy, satria ianareo nino voalohany, dia ny mba hifankatiavanareo.

## 2 John 1:7

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jaona dia nampitandrina azy ireo ny amin'ireo mpamitaka, nampahatsiahy azy ireo mba hitoetra amin'ny fampianaran'i Kristy, ary nampitandrina azy ireo mba hanalavitra ireo izay tsy mitoetra amin'ny fampianaran'i Kristy.

**Fa maro ireo mpamitaka efa lasa any amin'izao tontolo izao**  
"Mpampianatra sandoka maro no nandao ny fiangonana" na "mpamitaka maro no eto amin'izao tontolo izao."

**Mpamitaka maro**  
"Mpampianatra sandoka maro" na "mpisandoka maro."

**Izao tontolo izao**  
Eto io fomba fiteny io dia manondro ny tsirairay izay velona eto amin'izao tontolo izao.

**Jesosy Kristy dia tonga tamin'ny nofo**  
"Jesosy Kristy dia tonga olombelona."

**Izany no mpamitaka sy antikristy**  
"Izy ireo no namitaka ny hafa ary nanohitra an'i Kristy."

**Antikristy**  
"Manohitra an'i Kristy."

**Jereo ny tenanareo**  
"Mitandrema" na "Mihainoa."

**Very ireo zavatra**  
"Very ny valisoanao any an-danitra."

**Valim-pitia tanteraka**  
"Valim-pitia tanteraka any an-danitra."

## 2 John 1:9

**Na iza na iza mandeha eo aloha**  
Izany dia manondro ny olona iray izay miseho mahalala zavatra maro makahasika an'Andriamanitra sy ny fahamarinana mihoatra ny olon-drehetra. DH: "Na iza na iza miseho mahalala maro mahakasika an'Andriamanitra" na "Na iza na iza tsy mankatoka ny fahamarinana."

**Tsy manana an'Andriamanitra**  
"Tsy an'Andriamanitra."

**Ilay iray izay mitoetra ao amin'ny fampianarana, izany iray izany dia manana ny Ray sy ny Zanak**  
"Ireo izay manaraka ny fampianaran'i Kristy dia sady manana ny Ray no manana ny Zanak."

**Raiso ho ao an-tranonao izy**  
Eto izany dia midika hoe mandray azy ary mikarakara azy am-panajana mba hanorenana fifandraisana miaraka aminy.

**Mandray anjara amin'ny asa ratsy ataony**  
"Mizara aminy amin'ny asa ratsy ataony" na "manampy azy amin'ny asa ratsy ataony."

## 2 John 1:12

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny taratasin'i Jaona dia mifarana amin'ny faniriany hamangy azy ireo ary mitondra fiarahabana avy amin'ny fiangonana hafa.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ny teny hoe: "aminareo" ao amin'ny andininy faha 12 dia tokana. Ny teny hoe: "anao" ao amin'ny andininy faha 13 dia maro.

**Tsy maniry hanoratra izany amin'ny taratasy sy ranomainty aho**  
Jaona dia tsy naniry ny hanoratra ireny zavatra hafa ireny fa kosa tiany ny hilaza ny teny aminy. Izy dia tsy niteny fa tokony hanoratra azy ireny amin'ny zavatra hafa ankoatra ny taratasy sy ranomainty.

**Ireo zanaky ny rahavavinao voafidy.**  
Eto Jaona dia miresaka momba ity fiangonana hafa ity toy ny hoe rahavavin'ny fiangonan'ny mpamaky ary ireo mpino izay anisan'ny mpikambana ao amin'io fiangonana io tahaka ny hoe zanaky ny fiangonana izy ireo. Izany dia manamafy fa ny mpino rehetra dia mpihavana ara-panahy.



## Book: 3 John

### 3 John

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Izaho loholona mamangy an'i Galo malala, ilay tiako amin'ny fahamarinana. <sup>2</sup> Ry malala, mivavaka aho mba hambinina amin'ny zavatra rehetra ianao ary ho salama, toy ny hanambinana ny fanahinao. <sup>3</sup> Fa nifaly indrindra aho fony nisy rahalahy tonga ary nijoro vavolombelona tamin'ny fahamarinanao, tahaka ny andehananao amin'ny marina. <sup>4</sup> Tsy manana hafaliana be noho ity aho, dia ny mandre fa mandeha amin'ny fahamarinana ireo zanako. <sup>5</sup> Ry malala, manao asa mahatoky ianao na amin'ny inona na inona asa ataonao ho an'ireo rahalahy sy ireo vahiny, <sup>6</sup> izay nijoro vavolombelona ny fitiavanao teo anatrehan'ny fiangonana. Soa no ataonao raha alefanao mandeha amin'ny fomba mendrika an' Andriamanitra izy ireo, <sup>7</sup> satria nohon'ny anarana no nialany, tsy nitondra na inona na inona avy tamin'ireo Jentilisa. <sup>8</sup> Noho izany isika dia tokony handray ny tahaka izany, mba ho mpiara-miasa amin'ny fahamarinana isika. <sup>9</sup> Nanoratra zavatra tamin'ny fiangonana aho, kanefa Diotrefa, ilay te-ho lohany amin'izy ireo, dia tsy nandray anay. <sup>10</sup> Noho izany, raha tonga aho, dia ho tsaroako ireo asa izay nataony, ny fomba nilazany zavatra mahatsiravina manohitra anay miaraka amin'ny teny ratsy. Tsy afa-po tamin'ireo asa, dia tsy nandray ireo rahalahy izy. Nandrara ireo izay te-hanao toy izany izy ary nandroaka azy ireo hivoaka ny fiangonana. <sup>11</sup> Ry malala, aza maka tahaka izay ratsy fa izay tsara. Ilay iray izay manao ny tsara dia an'Andriamanitra; ilay iray izay manao ny ratsy dia tsy nahita an'Andriamanitra. <sup>12</sup> Ny rehetra sy ny fahamarinana dia vavolombelona manambara an'i Demetrio. Izahay ihany koa dia mijoro vavolombelona, ary fantatrao fa marina ny fanambaranay. <sup>13</sup> Nanana zavatra betsaka ho soratana aminareo aho, fa tsy maniry hanoratra ireo aminareo amin'ny penina sy ranomainty aho. <sup>14</sup> Kanefa aho manantena hahita anareo tsy ho ela, ary hiresaka mivantana isika. <sup>15</sup> Ho aminareo anie ny fiadanana. Manao veloma anao ireo sakaiza aty. Veloma any amin'ireo sakaiza tsirairay araka ny anarany avy.

#### 3 John 1:1

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Jaona dia niarahaba an'i Galo.

**Fampafahantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ity dia taratasy manokana avy amin'i Jaona ho an'i Galo. Ny tranga rehetra amin'ny "ianao" sy "anao" dia miresaka an'i Galo.

**Ny loholona**  
Io dia miresaka an'i Jaona, apostoly sy mpianatr'i Jesosy. Izy dia manambara ny tenany ho "loholona" na noho ny fahanterany na noho izy mpitarika ao am-piangonana. Ny anaran'ny mpanoratra dia azo atao mazava. "Izaho, Jaona loholona, no manoratra."

**Galo**  
Izy io dia mpiray finoana izay nanoratan'i Jaona ity taratasy ity.

**Ilay tiako amin'ny fahamarinana**  
"Izay tena tiako."

**Mba hambinina amin'ny zavatra rehetra ianao ary ho salama**

"Ahomby amin'ny zavatra rehetra ianao ary ho salama."

**Toy ny hanambinana ny fanahinao**  
"Tahaka ny ahombiazanao ara-panahy."

**Rahalahy**  
"Mpiray finoana."

**Nijoro vavolombelona tamin'ny fahamarinanao, tahaka ny andehananao amin'ny marina**  
"Lazao amiko fa ianao dia miaina araka ny fahamarinan'Andriamanitra."

**Ny zanako**  
Jaona dia miresaka momba ireo izay nampianariny hino an'i Jesosy ho toy ny hoe zanany ireo. Izany dia manantitrantitra ny fitiavany sy ny fiahiny azy ireo. Azo atao koa hoe izy tenany dia nitondra azy ireo ho any amin'ny Tompo. DH: "Ny zanako ara-panahy."

#### 3 John 1:5

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**  
Ny tanjon'i Jaona tamin'ny nanoratana ity taratasy ity dia ny fiderana an'i Galo tamin'ny fomba

nikarakarany ireo mpampianatra Baiboly mpitety faritany; avy eo dia miresaka olona roa izy, ny iray ratsy ary ny iray tsara.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny teny hoe: "isika" dia manondro an'i Jaona sy ireo niaraka taminy ary angamba ireo mpino rehetra.

**Malala**

Eto dia ampiasaina io ho toy ny fomba fiteny hanehoana fitiavana amin'ireo mpiray finoana.

**Manao asa mahatoky ianao**

"Ianao dia manao izay mahatoky an'Andriamanitra" na "ianaosy dia tsy mivadika amin'Andriamanitra."

**Miasa ho an'ireo rahalahy sy ireo vahiny**

"Manampy ireo mpiray finoana sy ireo izay tsy fantatrao."

**Vahiny, izay nijoro vavolombelona ny fitiavanao teo anatrehan'ny fiangonana**

"Vahiny, izay nilaza tamin'ireo mpino tao ampiangonana ny fomba nitiaavanao azy ireo."

**Soa no ataonao raha alefanao izy ireo**

"Izaho dia mangataka anao am-panajana mba handefa azy ireo."

**Satria nohon'ny anarana no nialany**

Eto "ny anarana" dia manondro an'i Jesosy. DH: "Statia efa nandeha nivoaka hanambara ny olona mahakasika an'i Jesosy izy ireo."

**Tsy nitondra na inona na inona**

Tsy nandray fanomezana na fanampiana.

**Ireo Jentilisa**

Eto "ireo Jentilisa" dia tsy midika fotsiny hoe olona tsy Jiosy. Izany dia mampiditra ireo olona izay tsy mitoky amin'i Jesosy.

**Mba ho mpiara-miasa amin'ny fahamarinana isika**

"Mba hahafahantsika miara-miasa amin'izy ireo amin'ny fanambarana amin'ny olona ny fahamarinan'Andriamanitra."

**3 John 1:9**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "anay" dia manondro an'i Jaona sy ireo niaraka taminy ary tsy anisany i Galo.

**Fiangonana**

Izany dia manondro an'i Galo ary ny vondron'ireo mpino izay miara-mivory mba hivavaka amin'Andriamanitra.

**Diotrefa**

Izy dia mpikambana tao amin'ny fiangonana.

**Ilay te-ho lohany amin'izy ireo**

"Ilay te ho manan-danja indrindra amin'izy ireo" na "ilay tia manao zavatra tahaka ny hoe izy no mpitarika azy ireo."

**Ny fomba nilazany zavatra mahatsiravina manohitra anay miaraka amin'ny teny ratsy**

"ary ny fomba nilazany zavatra ratsy mahakasika anay izay tsy marina tokoa."

**Izy tenany**

Ny teny hoe "tenany" dia manamafy fa i Diotrefa no nanao ireny zavatra ireny.

**Tsy nandray ireo rahalahy**

"Tsy nandray ireo mpiray finoana."

**Nandrara ireo izay te-hanao toy izany**

"Izy dia nanakana ireo izay naniry ny handray ireo mpino."

**Nandroaka azy ireo hivoaka ny fiangonana**

"Ary nanery azy ireo hiala amin'ny fiangonana."

**3 John 1:11**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Eto ny hoe: "isika" dia manondro an'i Jaona sy ireo niaraka taminy ary tsy anisany i Galo

**Malala**

Eto dia ampiasaina io ho toy ny fomba fiteny hanehoana fitiavana amin'ireo mpiray finoana.

**Aza maka tahaka izay ratsy**

"Aza mandika ireo zava-dratsy izay ataon'ny olona."

**Fa izay tsara**

Misy teny izay najanona kanefa azon'izy ireo. DH: "Fa alaivo tahaka ireo zava-tsara izay ataon'ny olona."

**An'Andriamanitra**

"Dia an'Andriamanitra."

**Tsy nahita an'Andriamanitra**

"Tsy an'Andriamanitra" na "Tsy mino an'Andriamanitra."

**Ny rehetra dia vavolombelona nanambara an'i Demetrio**

DH: "Ireo rehetra izay nahalala an'i Demetrio dia nijoro vavolombelona momba azy" na "ny mpino tsirairay izay nahalala an'i Demetrio dia niteny tsara momba azy."

**Demetrio**

Izy io angamba no lehilahy tian'i Jaona mba ho raisin'i Galo sy ny fiangonana rehefa tonga izy.

**Ary amin'ny fahamarinana koa**

"Ary ny fahamarinana dia miresaka tsara momba azy." Eto ny hoe: "Fahamarinana" dia lazaina ho toy

ny olona miteny. DH: "Ary ny tsirairay izay mahalala ny fahamarinana dia mahalala fa olona tsara izy."

**Isika ihany koa dia mijoro vavolombelona**

Izay tondroin'i Jaona dia voalaza eto ary afaka faritana tsara. DH: "Isika ihany koa dia miteny tsara momba an'i Demetrio."

**3 John 1:13**

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Ity no faran'ny taratasy'n'i Jaona ho an'i Galo. Izy dia nanome fanamarihana farany sy famaranana miaraka amin'ny fanaovam-beloma.

**Tsy maniry hanoratra ireo aminareo amin'ny penina sy ranomainty aho**

Jaona dia tsy naniry ny hanoratra ireny zavatra rehetra ireny mihintsy. Tsy milaza izy fa hanoratra

azy ireo amin'ny zavatra hafa ankoatra ny penina sy ny ranomainty.

**Mivantana**

"Miaraka" na "mitokana"

**Ho aminareo anie ny fiadanana**

"Andriamanitra anie hanome fiadanana anareo."

**Ireo sakaiza dia manao veloma anareo**

"Ny sakaiza aty manao veloma anareo."

**Manao veloma ireo sakaiza araka ny anarany avy**

"Ataovy veloma manokana avy amiko ny mpino tsirairay any."

**Ireo sakaiza**

"Ireo sakaizanao" na "ireo mpino any."

## Book: Jude

### Jude

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Joda, mpanompon'i Jesosy Kristy iray, rahalahan'i Jakoba, ho an'ireo izay antsoina hoe, malala ao amin'Andriamanitra ilay Ray, sy voatahiry ho an'i Jesosy Kristy: <sup>2</sup> Hampitomboina ho aminareo anie ny famindram-po sy ny fiadanana ary ny fitiavana. <sup>3</sup> Ry malala, raha iny nanao ny ezaka rehetra hanoratra ho anareo ny mahakasika ny famonjena hiombonantsika iny aho, dia nanoratra ho anareo aho mba hanosika anareo hiady mafy ho an'ilay finoana izay efa natolotra indray monja ho an'ireo mpino. <sup>4</sup> Fa ho an'ny olona sasany nisisika antsokosoko eo aminareo. Ireo dia olona voamarika ho an'ny fanamelohana. Ireo dia olona ratsy fanahy izay manevateva ny fahasoavan'Andriamanitra ho any amin'ny fijejojejoana, ary dia mandà ny Andriana sy ny Tompo tokantsika, Jesosy Kristy. <sup>5</sup> Ankehitriny aho dia te hampahatsiaro anareo na dia efa fantatrareo tanteraka ary izany fa ny Tompo dia nanavotra ny olona avy tao amin'ny tany Egypta, fa taorian'izany dia naringany izay rehetra tsy nino. <sup>6</sup> Ary ireo anjely izay tsy nitana ny fahefana izay napetraka tamin'izy ireo, fa izay nandao ny fonenan'izy ireo Andriamanitra dia namatotra azy ireo tamin'ny fatorana mandrakizay, ao amin'ny maizin-kitroka tanteraka, ho amin'ny andron'ny fitsarana lehibe. <sup>7</sup> Tahaka an'i Sodoma sy Gomora sy ireo tanàna manodidina azy ireo, izay nanolotra ny tenan'izy ireo ho amin'ny fijangajangana sy ny fanaovana filana tsy ara-boajanahary. Dia natao ohatra amin'ireo izay mijaly amin'ny fanasaziana any amin'ny afo mandrakizay izy ireo. <sup>8</sup> Kanefa toy izany ihany, ireo mpanofinofy ireo dia mandoto ihany koa ny vatan'izy ireo, ary miteny zavatra ratsy manohitra ireo manam-boninahitra. <sup>9</sup> Fa na dia Mikaela arikanjely aza, rehefa niady tamin'ny devoly sy nifanditra taminy ny amin'ny fatin'i Mosesy, dia tsy sahy niteny ratsy hanameloka azy. Fa hoy kosa izy: "Hananatra anao anie ny Tompo!" <sup>10</sup> Fa ireo olona ireo dia miteny ratsy ny zavatra rehetra tsy fantany. Ary izay fantany tahaka ny fahalalan'ny biby tsy manan-tsaina izany no manimba azy ireo. <sup>11</sup> Loza ho azy ireo! Fa raha nandeha tao amin'ny tanànan'i Kaina izy ireo, ary nanaraka ny fahadisoan'i Balama hahazoana tamby. Dia ringana tao amin'ny fikomian'i Kora izy ireo. <sup>12</sup> Ireo dia ilay olona izay harambato miafina ao amin'ny sakafom-pitiavanareo. Mihinana am-pahamenarana, mamoky ny tenan'izy ireo ihany. Izy ireo dia rahona tsy misy rano, entin'ny rivotra. Hazo fararano tsy misy voany indroa maty, niala fakany. <sup>13</sup> Izy ireo dia onjan-dranomasina mahery, mitopatopa mamorivory ny fahamenaran'izy ireo. Kintana mirenireny izy ireo, ka voatahiry ho azy mandrakizay ny fahamaintisan'ny maizina. <sup>14</sup> Ary Enoka, ilay faha fiton'i Adama, dia efa naminany momba ireo, niteny hoe: "Indro! Ho avy ny Tompo miaraka amin'ireo masiny aman'alinalina. <sup>15</sup> Ho avy Izy mba hanatanteraka ny fitsarana ny olona rehetra. Ho avy Izy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra tamin'ny asa vitany tamin'ny haratsiam-panahiny, ary ireo teny mafy rehetra izay nolazain'ny olona ratsy fanahy hanohitra Azy." <sup>16</sup> Ireo dia mpimonomonona, sy mpimenomenona, izay manaraka ny filan-dratsin'izy ireo. Izy ireo dia mpieboebo fatratra, izay, nohon'ny tombontsoan'izy ireo manokana, dia mandoka ny hafa. <sup>17</sup> Fa ianareo, ry malala, tadidio ireo teny izay notenenin'ireo apostolin'i Jesosy Kristy Tompontosika fahiny. <sup>18</sup> Hoy izy ireo taminareo: "Fa amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira izay hanaraka ny filan'ny haratsiam-panahiny." <sup>19</sup> Ireo olona ireo dia mitarika fisarahana. Izy ireo dia olona araka ny nofo, ary tsy manana ny Fanahy <sup>20</sup> Fa ianareo, ry malala, miorena tsara eo amin'ny finoanareo masina indrindra, ary mivavaha amin'ny Fanahy Masina. <sup>21</sup> Mitoera ianareo ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ary andraso ny famindram-pon'i Jesosy Kritsy Tompontosika izay mitondra anao ho amin'ny fiainana mandrakizay. <sup>22</sup> Mamindrà fo amin'ireo izay misalasala. <sup>23</sup> Vonjeo ary sariho hiala amin'ny afo ny olona sasany. Ary ny sasany indray amindrao fo amin-tahotra. Mankahalà na dia hatramin'ny akanjo nolotoin'ny nofo aza. <sup>24</sup> Ary ho an'izay miaro anareo mba tsy ho tafintohina, ary hahatonga anao hijoro eo anatrehan'ny voninahiny, tsy misy tsiny ary am-pifaliana lehibe, <sup>25</sup> amin'Andriamanitra tokana Mpamonjintsika tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika anie, ny voninahitra, ny fahalehibiazana, ny fahefana, ny hery, talohan'ny fotoana rehetra, ankehitriny, ary mandrakizay. Amena

**Jude 1:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Joda dia mamaritra ny tenany ho mpanoratra ity taratasy ity ary miarahaba ireo mpamakiny. Angamba izy rahalahin'i Jesosy. Misy Joda roa hafa koa voalaza tao amin'ny Testamenta Vaovao.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny teny hoe "ianareo" ao amin'ity taratasy ity dia manondro ireo Kristiana izay nanoratan'i Joda.

**Joda, mpanompon'i**

Joda dia rahalahin'i Jakoba. DH: "Izaho no Joda, mpanompon'i".

**Ary rahalahin'i Jakoba**

Jakoba sy Joda dia rahalahin'i Jesosy.

**Hampitomboina ho aminareo anie ny famindram-po sy ny fiadanana ary ny fitiavana**

"Famindram-po, fiadanana, ary fitiavana anie hitombo betsaka ho anareo". Ireo hevitra ireo dia lazaina toy ny hoe zava-bita izay afaka mitombo amin'ny habe na isa.

**Jude 1:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Joda dia niteny ireo mpino ny antony nanoratany ity taratasy ity.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny":**

Ny teny hoe "isika" ao amin'ity taratasy ity dia mamaritra an'i Joda sy ireo mpino.

**Ny famonjena iombonantsika**

Ny famonjena izay zaraintsika.

**Nanoratra aho**

"Mahatsapa tena mafy fa hoe mila manoratra aho" na "Izaho dia nahatsapa fa mila manoratra maika.

**Hanosika anareo hiady mafy ho an'ilay finoana**

"Mankahery anareo mba hiaro ny fampianarana marina."

**Mpino**

"Olomasina." ny dikan-teny sasany dia mandika izany ho "ilay masina." Izany dia manome hevitra ny amin'ireo mpino Kristiana izay tsy manisany fironana manokana ny toetrany ara-moraly, fa ny mpino izay natao olomasina amin'ny finoana ny fahafatesan'i Jesosy mba ho famonjena.

**Fa ny olona sasany nisisika antsokosoko**

"Fa nisy olona sasany tonga teo anivon'ireo mpino nefa tsy nisarika azy ireo hifantoka aminy."

**Olona voamarika ho an'ny fanamelohana**

Io ihany koa dia afaka atao tso-drafitra. DH: "Olona izay nosafidian'Andriamanitra ho helohina."

**Izay manevateva ny fahasoavan'Andriamanitra ho any amin'ny fijejojejoana**

Ny fahasoavan'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe zavatra iray izay azo ovaina ho zavatra mahatsiravina. DH: "Izay manova ny fahasoavan'Andriamanitsika ho fanirian-dratsy" na "izay mampianatra fa ny fahasoavan'Andriamanitra dia mamela ny olona iray hiaina amin'ny fahotana ara-nofa."

**Mandà ny Andriana tokana sy Tompontsika, Jesosy Kristy**

Mety ho dikany dia izao: 1) izy ireo dia mampianatra fa izy dia tsy Andriamanitra na 2) ireo olona ireo dia tsy mankatoka an'i Jesosy Kristy.

**Jude 1:5****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Joda dia nanome ohatra taloha ny amin'ireo izay tsy nanaraka ny Tompo.

**Te hampahatsiahy anareo aho**

"Tiako ho tadidianareo."

**Na dia efa fantatrarao tanteraka aza izany**

Mety ho dikany: 1) ny teny "efa ... tanteraka" dia milaza ny fomba nahafantaran'ny mpamaky na 2) "amin'ny fotoana iray dia ho fantatrao tanteraka izany."

**Ny Tompo dia nanavotra ny olona avy tamin'ny tany Ejipta**

"Ny Tompo dia nanavotra ireo Israelita fahiny ela be avy tany Ejipta."

**Ny Tompo**

Ny lahatsoratra vitsivitsy dia milaza hoe: "Jesosy"

**Ny fahefana napetraka tamin'zy ireo**

"Ireo andraikitra izay napetrak'Andriamanitra tamin'izy ireo."

**Nandao ny fonenan'izy ireo**

"Nandao ny toerana notendrena ho azy ireo manokana."

**Andriamanitra dia namatotra azy ireo tamin'ny fatorana mandrakizay, ao amin'ny maizin-kitroka tanteraka**

"Andriamanitra dia nametraka ireo anjely ireo tany an-tranomaizina izay tsy ahafahan'izy ireo mandositra velively."

**Andro lehibe**

Andro farany izay hitsaran'Andriamanitra ny rehetra.

**Jude 1:7****izay nanolotra ny tenan'izy ireo ihany koa**

Ny fahotana ara-nofon'i Sodoma sy Gomora dia vokatry ny karazana fikomiana tahaka ny fomba nataon'ireo anjely.



**Nanolotra ny tenan'izy ireo**

Eto ireo tanàna dia miresaka ny olona monina ao aminy.

**Izy ireo dia natao**

dia midika fa nataon'Andriamanitra ho ohatra izy ireo. "Andriamanitra dia nampiseho azy ireo."

**Dia natao ohatra amin'ireo izay mijaly amin'ny fanasaziana**

Ny fandringanana ny vahoaka tao Sodoma sy Gomora dia tonga ohatra ho an'ireo izay rehetra mandà an'Andriamanitra.

**Ireo mpanofinofy**

Ireo olona izay tsy mankatoa an'Andriamanitra, angamba satria nilaza izy ireo fa hahita fahitana izay nanome azy ireo fahefana hanao izany.

**Mandoto ny vatan'izy ireo**

Ity sarin-teny ity dia milaza fa ny fahotan'izy ireo no mandrafitra ny vatan'izy ireo - izany hoe, ny asan'izy ireo - tsy azo ekena ny fako eny amin'ny lalan-drano izay mahatonga ny rano ho tsy azo sotroina.

**Miteny zavatra ratsy**

Miteny manevateva.

**Ireo manam-boninahitra**

Izany dia manondro ireo zavaboary ara-panahy, toy ireo anjely.

**Jude 1:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Balama dia mpaminany iray izay nandà tsy hanozona an'Isiraely ho an'ny fahavalo saingy avy eo nampianatra izany fahavalo izany mba hanamora ny olona hanambady tsy mpino ary ho tonga mpivavaka amin'ny sampy.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny**

Kora dia lehilahin'Isiraely izay nikomy tamin'ny fitarihan'i Mosesy sy ny fisoronan'i Arona.

**Nifanditra taminy**

"Niady hevitra taminy."

**Dia tsy sahy**

"Namehy ny tenany. Izy dia tsy sahy niteny" na "tsy vonona ny hiteny."

**Fanamelohana ratsy**

"Fitenenana ratsy" na "fitsarana ratsy."

**Ireo olona ireo**

Ireo olona tsy araka an'Andriamanitra

**Ireo olona ireo dia miteny ratsy**

"Ireo olona ireo dia miteny ratsy, zavatra tsy marina momba azy ireo."

**Izay zavatra rehetra tsy fantany**

"Na inona na inona tsy fantany ny dikany." Mety ho dikany dia izao: 1) "ny zavatra tsara rehetra tsy azon'izy ireo." 2) "ireo manam-boninahitra izay tsy fantany akory."

**Ny lalan'i Kaina**

Kaina dia namono ny rahalahiny ary tsy niaina ho an'Andriamanitra.

**Jude 1:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Joda dia nampiasa sarin-teny maromaro mba hamaritana ireo lehilahy tsy araka an'Andriamanitra. Izy dia milaza amin'ireo mpino ny fomba ahafantarana ireo lehilahy ireo rehefa eo anivon'izy ireo.

**Ireo dia ilay olona**

Ny teny hoe "Ireo" dia manondro ireo "lehilahy tsy araka an'Andriamanitra."

**Harambato mifafina**

Ny harambato dia vato lehibe izay tena akaiky ny ahavon'ny rano eny amin'ny ranomasina. Koa satria tsy afaka mahita azy ireny ireo tantsambo, dia tena mampidi-doza tokoa izy ireny. Ho mora simba ny sambo raha midona amin'ireo vato ireo.

**Hazo fararano tsy misy voany**

Mety ho dikany dia izao: ireo olona ireo dia mitovy amin'ny 1) hazo izay antenain'ny olona hijinjana vokatra, kanefa tsy misy, na 2) hazo izay tsy mamoa mihintsy.

**Voany**

Ity dia sarin-tenin'ny fiainana izay mampifaly an'Andriamanitra sy manampy ny olon-kafa.

**Indroa maty, nofongorina ny fakany**

Ny hazo izay izay nofongorin'ny olona ny fakany dia sarin-teny ho an'ny fahafatesana

**Nofongorina ny fakany**

Tahaka ny hazo izay nofongorina tanteraka tamin'ny tany tamin'ny fakany, ny olona tsy araka an'Andriamanitra dia nisaraka tamin'Andriamanitra izay loharanom-piainana.

**Onja-dranomasina mahery**

Toy ny onja-dranomasina izay atopotopan'ny rivotra mifofofofa, ny olona tsy araka an'Andriamanitra dia mora miovaova amin'ny lalana samihafa.

**Mitopatopa mamorivory ny fahamenaran'izy ireo**

Tahaka ny rivotra miteraka onjan-dranomasina ka mamoka ny rivotra maloto - dia ireo lehilahy ireo, amin'ny alalan'ny fampianaran-diso sy ny fihetsika, dia menatra ny tenan'izy ireo. DH: "Toy ny fitondran'ireo onja ny loto, ireo lehilahy ireo dia mandoto ny hafa amin'ny fahamenarany."

**Kintana mirenireny**

ireo izay nianatra ireo kintana fahiny dia nahatsikaritra fa ny antsointsika hoe planeta dia tsy mihetsika toy ny fanaon'ny kintana. DH: "kintana miovaova" na "kintana mietsiketsika"

**Kintana, izay mitahiry ho azy mandrakizay ny fahamaintsian'ny maizina.**

"Kintana. Andriamanitra dia nanokana toerana iray feno haizina ho azy ireo, izay hitazomany azy ireo mandrakizay."

**Jude 1:14****Ilay fahafiton'i Adama**

Raha nisaina ho taranaka voalohany amin'ny olombelona i Adama, dia i Enoka no fahafito. Raha isaina ho voalohany ny zanak'i Adama, dia i Enoka no fahenina.

**Indro**

"Henoy" na "Hifantohy tsara ity zavatra manandanja izay ho lazaiko ity."

**Hanatanteraka ny fitsarana amin'ny**

"Manameloka" na "Mitsara"

**Mpimonomonona, mpitaraina,**

Olona izay tsy te hankatoa sy hiteny manohitra ny fahefan'Andriamanitra. Ny "mpimonomonona" dia miteny mangina, raha miteny am-pahibemaso ny "mpitaraina."

**Mpieboebo fatratra**

Olona izay midera tena mba ho ren'ny hafa.

**Mandoka ny hafa**

"Mody midera ny hafa."

**Jude 1:17****Ireo olona ireo**

"Ireo mpaniratsira."

**Hanaraka ny filan'ny haratsiam-panahiny**

Ireo olona ireo dia lazaina tahaka ny hoe ny fanirian'izy ireo dia mpanjaka izay manapaka eo amin'izy ireo. DH: "tsy afaka manakana mihintsy ny fanalam-baraka an'Andriamanitra amin'ny fanaovana ireo zava-dratsy tiany hatao."

**Hanaraka .... ny filan'izy ireo**

Ny faniriana tsy araka an'Andriamanitra dia lazaina toy ny hoe ny lalana izay harahin'ny olona.

**Olona araka ny nofo**

Mihevera toy ny fisainan'ny olona tsy araka an'Andriamanitra; izy ireo dia manome lanja ny zavatra izay omen'ny tsy mpino lanja.

**Tsy manana ny Fanahy izy ireo**

Ny Fanahy Masina dia lazaina ho toy ny zavatra izay azon'ny olona hananana.

**Jude 1:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Joda dia niteny ireo mpino ny fomba tokony hianan'izy ireo sy ny fomba tokony hitondrany ny hafa.

**Fa ianareo, ry malala, miorena tsara**

Ny fahatokisana bebe kokoa an'Andriamanitra sy fankatoavana azy dia lazaina, toy ny hoe dingana amin'ny fanorenana tranobe iray. "Aza manao toy izy ireo, ry malala. Fa kosa, tahaka ny fiorenanareo tsara."

**Miandry ny**

"Miandrindra fatratra ny."

**Tehirizo ny tenanareo ho amin'ny fitiavan'Andriamanitra**

Ny fahafahana mandray ny fitiavan'Andriamanitra dia resahana toy ny hoe mitazona ny tenany amin'ny toerana iray.

**Ny famindram-pon'i Jesosy Kritsy Tompontosika izay mitondra anao ho amin'ny fiainana mandrakizay**

Eto ny hoe: "famindram-po" dia miresaka an'i Jesosy Kristy tenany, izay hampiseho ny famindram-pony amin'ireo mpino amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo fiainana mandrakizay miaraka aminy.

**Jude 1:22****Ireo izay misalasala**

"Ireo izay mbola tsy mino fa Andriamanitra dia Andriamanitra."

**Misarika azy ireo hiala amin'ny afo**

Izany dia manao amin'ny hafa izay tokony atao mba hitazomana azy ireo tsy ho faty raha tsy amin'i Kristy ary manome sarisarin'olona izay misarika olona latsaka anaty afo mialohan'ny famaizan'izy ireo.

**Ary ny sasany indray amindrao fo amin-tahotra**

"Aoka ho tsara fanahy amin'ny hafa, fa matahora hanota toy ny fomba fanaon'izy ireo."

**Mankahalà na dia hatramin'ny akanjo nolotoin'ny nofo aza**

Izany fanoharana izany dia miresaka ny mpanota ho tahaka ny tena ratsy ka mety hitondra aretina ho an'ny olona amin'ny alalan'ny fikasihana ireo akanjony. DH: "Ento izy ireo toy ny hoe mety ho meloka amin'ny fahotana ianao amin'ny alalan'ny fikasihana ny akanjony."

**Jude 1:24****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Joda dia namarana tamin'ny fitahiana.

**Hahatonga anao hijoro eo anatrehan'ny voninahiny**  
Ny voninahiny dia hazavana mamirapiratra izay maneho ny halehibeny. DH: "ary mamela anao hankafy sy hidera ny voninahiny."

**Tsy misy tsiny**  
Eto ny fahotana dia resahana toy ny hoe maloto eo amin'ny vatana na vovoka amin'ny vatana. DH: "Izay hisy anao tsisy ota."

**Ho an'Andriamanitra tokana Mpamonjintsika tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika**  
"Ho an'Andriamanitra tokana, izay namonjy antsika noho ny nataon'i Jesosy Kristy." Izany dia manamafy fa Andriamanitra Ray ary koa ny Zanaka dia Mpamonjy.

**Ny voninahitra, ny fahalehibiazana, ny fahefana, ny hery, talohan'ny fotoana rehetra, ankehitriny, ary mandrakizay**  
Andriamanitra dia nanana hatrany, manana izany ankehitriny, ary hanana hatrany ny voninahitra, fitarihana tanteraka, ary fifehezana tanteraka ny zava-drehetra.

## Book: Revelation

### Revelation

#### Chapter 1

<sup>1</sup> Ity ny fanambarana an'i Jesosy Kristy izay nomen'Andriamanitra azy hampisehona an'ireo mpanompony ny zavatra tsy maintsy hitranga. Nampahafantariny izany tamin'ny alalan'ny fandefasany ny anjelin'ny ho an'i Jaona mpanompony. <sup>2</sup> Jaona dia nanamarina ny momban'ny tenin'Andriamanitra sy ireo fijoroana vavolombelona mahakasika an'i Jesosy Kristy, sy ireo zavatra rehetra hitany. <sup>3</sup> Sambatra izy izay mamaky amin'ny feo avo, ary izay mihaino ny tenin'izany faminaniana izany, sy izay mitandrina izay voasoratra ao aminy, satria efa akaiky ny fotoana. <sup>4</sup> Jaona nankany amin'ireo fiangonana fito tany Asia: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'ilay ankehitriny, sy taloha, ary ho avy, sy avy amin'ireo fanahy fito izay eo anatrehan'ny seza fiandrianany, <sup>5</sup> ary avy amin'i Jesosy Kristy, izay vavolombelona marina, lahimatoa amin'ny maty, ary lehiben'ny mpanjakan'ny tany. Ho an'ilay tia antsika sy nanafaka antsika tamin'ireo fahotantsika tamin'ny ràny— <sup>6</sup> Izy dia nanao antsika ho fanjakana, mpisorona ho an'Andriamaniny sy Rainy— ho Azy anie ny voninahitra sy ny fahefana mandrakizay doria. Amena. <sup>7</sup> Indro, avy amin'ny rahona Izy; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia ireo nandefona Azy aza. Ny firenena rehetra ambonin'ny tany hitomany Azy. Eny, Amena. <sup>8</sup> "Izaho no Alfa sy Omega," hoy ny Tompo Andriamanitra, "ilay ankehitriny, sy taloha, ary ho avy, dia ilay Tsitoha." <sup>9</sup> Izaho, Jaona—rahalahinareo sy ilay iray izay nizara taminareo tao anatin'ny fijaliana sy fanjakana ary ny faharetana ao amin'i Jesosy Kristy— dia tao amin'ny nosy atao hoe Patmo noho ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana vavolombelona ny mahakasika an'i Jesosy. <sup>10</sup> Izaho dia notarihin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo. Nandre feo mahery tahaka ny trompetra teo ivohoko aho. <sup>11</sup> Nanao izany hoe: "Soraty ao amin'ny boky izay hitanao, koa alefaso any amin'ireo fiangonana fito— ho an'ny Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, ary Laodikia." <sup>12</sup> Nizaha ny manodidina aho nitady hoe feon'iza izany niteny tamiko izany, ary raha nitodika aho dia nahita fanaovan-jiro volamena fito. <sup>13</sup> Ary teo afovoan'ny fanaovan-jiro nisy anankiray tahaka ny Zanak'olona, nitafy akanjo lava tonga hatrany amin'ny tongony, ary fehin-kibo volamena manodidina ny tratrany. <sup>14</sup> Ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry— fotsy tahaka ny rano mandry, ary ny masony tahaka ny lelafo. <sup>15</sup> Ny tongony mangirana tahaka ny varahina, toy ny varahina voadio teo amin'ny lafaoro, ary ny feony toy ny feona rano be mikoriana. <sup>16</sup> Ary nanana kintana fito teny an-tanany ankavanana Izy, ary sabatra roa lela maranitra nivoaka avy teo amin'ny vavany. Ny tarehiny dia nazava tahaka ny masoandro rehefa miredareda. <sup>17</sup> Rehefa nahita Azy aho, dia nianjera teo amin'ny tongony tahaka ny olona maty. Nanendry ahy tamin'ny tanany ankavanana Izy ka nanao hoe: "Aza matahotra. Izaho no voalohany sy farany, <sup>18</sup> ary ilay iray izay velona. Efa maty Aho, fa indro, velona mandrakizay! Ary Izaho manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny Fiainan-tsy hita. <sup>19</sup> Noho izany soraty izay hitanao, izay ankehitriny, sy izay hitranga aorian'izao. <sup>20</sup> Tahaka ny zava-miaina mahakasika ireo kintana fito izay hitanao teny an-tanan-kavanako, sy ireo fanaovan-jiro volamena fito: "Ny kintana fito dia ireo anjelin'ny fiangonana fito, ary ny fanaovan-jiro fito dia ireo fiangonana fito."

#### Footnotes

1:8 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: ny dikan-teny hafa taloha dia mivaky toy izao: "Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy fiafarana," hoy ny Tompo Andriamanitra.

#### Revelation 1:1

##### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity dia fampidirana amin'ny bokin'ny Apokalypsy. Izany dia manazava fa io dia fanambarana avy amin'i Jesosy Kristy ary manome fitahiana an'ireo izay mamaky izany.

##### ireo mpanompony

Izany dia maneho ireo olona izay mino an'i Kristy.

##### tsy maintsy hitranga

"ireo tranga izay tsy maintsy hitranga tsy ho ela"

**Nampahafantariny izany**  
"nampitainy izany"

**ho an'i Jaona mpanompony**  
Jaona no nanoratra ity boky ity ary maneho ny tenany ato. DH: "ho ahy, Jaona, ilay mpanompony"

**ny tenin'Andriamanitra**  
Eto izany dia maneho ireo hafatra izay nomen'Andriamanitra an'i Jaona.

**izy izay mamaky amin'ny feo avo**  
Tsy mamaritra olon-tokana akory izany. Fa maneho an'izay rehetra mamaky izany mafy. DH: "izay rehetra mamaky amin'ny feo avo"

**mitandrina izay voasoratra ao aminy**  
"mino izay voasoratra ao anatin'ny ary mankato ireo didy ao anatin'ny"

**efa akaiky ny fotoana**  
"ireo zavatra izay tsy maintsy hiseho dia hiseho tsy ho ela"

## Revelation 1:4

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ity dia fiatombohan'ny taratasy'n'i Jaona. Eto izy dia manao azy ho mpanoratra ary miarahaba ny olona izay hanoratany.

**Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'ilay ankehitriny, sy taloha, ary ho avy, sy avy amin'ireo fanahy fito izay eo anatrehan'ny seza fiandrianany, 5 ary avy amin'i Jesosy Kristy**  
Ity dia fangatahana na fitahiana. Jaona dia miresaka toy ny hoe nisy zavatra tokony omen'Andriamanitra azy, na dia izy ireo tokoa aza no lalana izay nantenainy hiasan'Andriamanitra ho an'ny olony. DH: "Mety ho izy no ilay ... ary ireo fanahy fito ... ary Jesosy Kristy hitondra anareo am-pitiavana sy hahatonga anareo hiaina am-piadanana sy ampilaminana"

**avy amin'ilay ankehitriny**  
"avy amin'Andriamanitra, ilay ankehitriny"

**ho avy**  
ho avy izay ho tonga.

**fanahy fito**  
Ny isa fito dia famantaran'ny fahafenoana sy fahalavorariana. Ireo "fanahy fito" dia maneho na ny Fanahin'Andriamanitra na ireo fanahy fito izay manompo an'Andriamanitra.

**lahimatoa amin'ny maty**  
"olona voalohany natsangana tamin'ny maty"

**nanao antsika ho fanjakana, mpisorona**  
"nanokana antsika ary nanomboka nanapaka teo amintsika ary nanao antsika ho mpisorona"

**Andriamaniny sy Rainy**  
Olona iray ihany ireo. DH: "Andriamanitra, ilay Rainy"

**Ray**  
Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisan'Andriamanitra sy Jesosy.

**ho Azy anie ny voninahitra sy ny fahefana**  
Izany dia fangatahana na vavaka. Ireo mety ho dikany hafa 1) "Hanam-boninahitra sy hanam-pahefana anie Izy." Jaona dia mivavaka mba homem-boninahitra sy ho afaka hanapaka tanteraka eo amin'ny olon-drehetra sy ny zava-drehetra i Jesosy Kristy.

**ny fahefana**  
Izany dia maneho ny fahefany amin'ny maha-mpanjaka Azy.

## Revelation 1:7

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Ao amin'ny andininy fahafito, Jaona dia milaza izay notenenin'i Daniela sy Zakaria.

**ny maso rehetra**  
Raha mbola mijery amin'ny alalan'ny maso ny olona, ny teny hoe: "maso" dia ampiasaina mba hanehoana ny olona. DH: "ny olon-drehetra"

**na dia ireo nandefona Azy aza**  
"na dia ireo nandefona Azy aza dia hahita Azy"

**nandefona Azy**  
Ireo tanana sy tongotr'i Jesosy dia nolefonina rehefa nifantsika teo amin'ny hazofijaliana Izy. Eto izany dia maneho ny olona izay namono Azy. DH: "namono Azy"

**nandefona**  
nandavaka

**Izaho no Alfa sy Omega**  
Ireo no voalohany sy farany amin'ny abidian'ny Grika. Ny mety ho dikany hafa 1) "ilay iray izay manomboka ny zavatra rehetra sy mamarana ny zavatra rehetra" na 2) "ilay iray izay velona hatramin'izay sy ilay velona mandrakizay." Afaka atao ihany koa hoe: "ny A sy ny Z" na "ny voalohany sy ny farany"

**ho avy**  
ny ho avy izay ho tonga

**ho ny Tompo Andriamanitra**  
Ny fiteny hafa dia hanao hoe: "Ny Tompo Andriamanitra niteny hoe:" any amin'ny fanombohana na famaranana ny fehezanteny iray manontolo.

**Revelation 1:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia manazava ny fomba nanombohan'ny fahitany sy ireo torolalana nomen'ny Fanahy azy.

**-nareo**

Misolo tena an'ireo mpino ao amin'ny fiangonana fito.

**izay nizara taminareo tao anatin'ny fijaliana sy fanjakana ary ny faharetana ao amin'i Jesosy**  
"izay nizara niaraka taminareo tao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Izaho ihany koa hijaly sy hizaka fisedrana miaraka aminareo satria an'i Jesosy isika"

**noho ny tenin'Andriamanitra**

"satria niteny tamin'ny hafa momba ny tenin'Andriamanitra aho"

**notarihin'ny Fanahy**

Jaona dia miresaka momba ny hoe voatariky ny Fanahin'Andriamanitra. DH: "notarihin'ny Fanahy aho"

**tamin'ny andron'ny Tompo**

andron'ny fivavahan'ireo mpino ao amin'i Kristy

**mahery tahaka ny trompetra**

Ilay feo dia mafy tahaka ny trompetra.

**trompetra**

Zava-maneno na fiantsoana ny olona mba hiangona na hivory.

**ho an'ny Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, ary Laodikia**

Ireo dia anaran-tanàna ao Asia, izay Torkia amin'izao fotoana izao.

**Revelation 1:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manomboka manazava izay hitany tamin'ny fahitany.

**feon'iza**

Izany dia maneho an'ireo olona miresaka. DH: "izay"

**zanak'olona**

Io fitenenana io dia mamaritra ny endrik'olona, olona iray izay miendrikendrika olombelona.

**Revelation 1:14****Ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry—fotsy tahaka ny rano mandry**

Ny volon'ondry sy ny rano mandry dia ohatra amin'ireo zavatra izay tena fotsy. Ny famerenana ny hoe: "fotsy tahaka" dia manamafy fa tena fotsy izy ireo.

**ny masonry tahaka ny lelafo**

Ny masonry dia mamaritra hoe feno hazavana tahaka ny lelan'afo. DH: "ireo masonry dia namiratra tahaka ny lelan'afo"

**Ny tongony mangirana tahaka ny varahina**

Ny varahina dia nofotsiana mba hanjelatra sy hitaratra hazavana. DH: "Ireo tongony dia tena nangirana toy ny varahina nofotsiana"

**toy ny varahina voadio teo amin'ny lafaoro**

Ny varahina dia diofina aloha ary avy eo atao mangirana. DH: "tahaka ny varahina voadio tao anaty lafaoro sy natao mangirana"

**lafaoro**

fatana hitazonana hafanana be. Ny olona dia mametraka vy ao anatiny, ary ny afo tena mamay dia handoro ny fahalotoana eo amin'ilay vy.

**feona rano be mikoriana**

Mafy tahaka ny feon-drenirano lehibe mikoriana mafy, loharano, na onjan-dranomasina mafy.

**sabatra roa lela maranitra**

maranitra amin'ny sisiny roa mba samy hanapaka amin'ny ilany roa.

**Revelation 1:17****nianjera teo amin'ny tongony**

Jaona dia nianjera nihohoka tamin'ny tany. Mety ho natahotra mafy izy ka nampiseho fanajana lehibe tamin'i Jesosy.

**Nanendry ahy tamin'ny tanany ankavanana Izy**

"Nikasika ahy tamin'ny tanany ankavanana Izy"

**Izaho no voalohany sy farany**

Izany dia maneho ny maha-izy Azy an'i Jesosy.

**Izaho manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny Fiainan-tsy hita**

Ny fananana fahefana amin'ny zavatra iray dia antsoina hoe fananana ny fanalahidin'izany. Izany hoe afaka manome aina an'ireo izay efa maty ary mamoka azy ireo ao amin'ny Fiainan-tsy hita Izy. DH: "Manana ny fahefana amin'ny fahafatesana sy ny Fiainan-tsy hita Aho" na "Manana fahefana hanome aina an'ireo olona izay efa maty ary mamoka azy ireo ao amin'ny fianan-tsy hita Aho"

**Revelation 1:19****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manohy miteny hatrany ny Zanak'Olona.

**ireo kintana**

Ny kintana dia marika. Miseho izy ireo mba haneho an'ireo anjely fiton'ny fiangonana fito.

**fanaovan-jiro**

Ny fanaovan-jiro dia marika izay maneho ny fiangonana fito.

**ireo fiangonana fito**

Izany dia maneho an'ireo fiangonana fito izay misy any Asia Kely amin'izao fotoana izao.

**ireo anjelin'ny fiangonana fito**

Ny mety ho dikany: 1) ireo anjely any an-danitra izay miaro ireo fiangonana fito na 2) olombelona mpitondra hafatra any amin'ireo fiangonana fito.

---

## Chapter 2

<sup>1</sup> Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao Efesosy hoe: "Ireto ny teny avy amin'ilay iray izay mitazona ireo kintana fito amin'ny tanan-kavanany ary mandeha eo amin'ireo fanaovan-jiro volamena fito, <sup>2</sup> "Fantatro izay efa vitanao sy ny asa mafinao ary ny fiaretanao maharitra. Fantatro fa tsy afaka handefitra amin'ny olon-dratsy ianao. Fantatro fa notsapainao ireo izay milaza azy ireo ho apostoly, nefa tsy izy, ary hitanao izy ireo fa sandoka. <sup>3</sup> Fantatro fa manana faharetana ianao, ary nijaly mafy nohon'ny amin'ny anarako, ary tsy nilavo lefona ianao. <sup>4</sup> Nefa manohitra anao aho satria namela ny fitiavanao voalohany ianao. <sup>5</sup> Tsarovy noho izany ny toerana izay nahalavo anao. Mibebaha ary manaova ireo zavatra izay nataonao voalohany. Fa raha tsy mibebaka ianao, dia ho avy any aminao aho ary hanala ireo fanaovan-jiro amin'ny fitoerany. <sup>6</sup> Kanefa izao no ataonao: "Halanao ny zava-bitan'ny Nikolaita, izay halako ihany koa. <sup>7</sup> Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ho an'ilay iray izay maharesy dia homeko alalana hihinana ny avy amin'ny hazon'ny fiainana, izay ao amin'ny paradisan'Andriamanitra. <sup>8</sup> Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Smyrna hoe: "Ireto ny tenin'ilay iray izay voalohany ary farany, ilay iray izay efa maty nefa velona indray: <sup>9</sup> "Fantatro ireo fahorianao sy ny fahantranao, nefa manan-karena ianao. Fantatro ny fitenenan-dratsy ho an'ireo izay miteny ny tenany fa Jiosy, kanefa tsy izy. Synagogan'i Satana izy ireo. <sup>10</sup> Aza matahotra ny amin'izay efa hiaretanao. Indro! Ny devoly dia hanipy ny sasany aminareo any amin'ny tranomaizina mba ho tsapaina ianareo, ary hijaly mandritry ny folo andro ianareo. Matokia mandra-pafahaty, ka homeko anareo ny satro-boninahitry ny fiainana. <sup>11</sup> Izay manan-tsofina aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ilay iray izay maharesy dia tsy ho simban'ny fahafatesana faharoa. <sup>12</sup> Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Pergamosy hoe: "Ireto ny tenin'ilay iray izay manana sabatra roa lela: <sup>13</sup> "Fantatro izay onenananao, dia ao amin'ny hitoeran'ny seza fiandrianan'i Satana. Ary ankehitriny mitana mafy ny anarako ianao. Fantatro fa tsy nandà ny finoanao ny amiko ianao, na dia tamin'ireo andron'i Antipasy vavolombeloko aza, izay nahatoky Ahy, izay novonoina teo aminareo, tao amin'ny fonenan'i Satana. <sup>14</sup> Fa manan-teny kely aminao Aho: "Misy sasany aminareo mitana mafy ny fampianaran'ny Balama, izay nampianatra an'i Balaka hametraka fanafintohinana eo anoloan'ny zanak'Israely, mba hihinanan'izy ireo ny sakafo natao sorona ho an'ny sampy ary ho fijangajangana. <sup>15</sup> Toy izany ihany, misy sasany aminareo izay mitana mafy ny fampianaran'ireo Nikolaita. <sup>16</sup> Mibebaha, noho izany! Fa raha tsy izany, dia ho tonga faingana any aminareo Aho, ary hifanandrina amin'izy ireo aho miaraka amin'ny sabatry ny vavako. <sup>17</sup> Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ho an'ireo izay maharesy, homeko ny sasany amin'ireo mana miafina, ary homeko vato fotsy miaraka amin'ny anaram-baovao voasoratra eo amin'ny vato, anarana izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany. <sup>18</sup> Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao Tyatira hoe: 'Ireto ny tenin'ny Zanak'Andriamanitra, izay manana maso toy ny lelafo ary tongotra toy ny varahina mangirana: <sup>19</sup> "Fantatro izay vitanao: Ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanomponao ary ny faharetanao. Fantatro fa izay vitanao farany dia betsaka noho izay vitanao voalohany. <sup>20</sup> Kanefa izao no hanoherako anao: Leferinao ilay vehivavy Zezebel, izay miantso ny tenany ho mpaminany vavy. Amin'ny alalan'ny fampianarany dia mamitaka ireo mpanompoko izy mba hijangajanga sy hihinana sakafo atao sorona ho an'ny sampy. <sup>21</sup> Nanome fotoana mba hibebehany Aho, kanefa tsy mety hibebaka ny amin'ny fijangajangany izy. <sup>22</sup> Indro! Hataoko marary eo ampandriana izy, ary ireo izay mijangajanga miaraka aminy dia hampahoriako mafy, raha tsy mibebaka amin'ny asa ratsin'ilay vehivavy izy ireo. <sup>23</sup> Ho vonoiko ho faty ireo zanany, ary ireo fiangonana rehetra dia hahalala fa Izaho ilay mahita ny fieritreretana sy fihetsem-po. Homeko araka ny asanareo tsirairay avy ianareo. <sup>24</sup> Fa ny aminareo izay sisa ao Tyatira, izay rehetra tsy mitana izao fampianarana izao, sy tsy mahalala izay antsoin'ny sasany hoe sain-dalin'i Satana— Izao no lazaiko aminareo hoe: "Tsy vesarako entana hafa ianareo." <sup>25</sup> Na izany aza, tsy maintsy mitazona mafy ny finoanareo ianareo mandra-pihaviko. <sup>26</sup> Ilay iray izay maharesy sy izay manao izay efa vitako hatramin'ny farany, dia homeko azy ny fahefana amin'ny firenena rehetra. <sup>27</sup> 'Hanapaka eo amin'izy ireo miaraka amin'ny tehim-by izy, toy ny fanorotorona vilany tany no hanapotehina azy ireo.' <sup>28</sup> Tahaka ny nandraisako avy amin'ny Raiko, no hanomezako azy kintana maraina ihany koa. <sup>29</sup> Aoka ilay iray izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana.'"



**Revelation 2:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Efesosy.

**ny anjely**

Ny mety ho dikany: 1) ireo anjely any an-danitra izay miaro ireo fiangonana fito na 2) olombelona mpitondra hafatra any amin'ireo fiangonana fito.

**ireo kintana**

Ny kintana dia marika. Miseho izy ireo mba haneho an'ireo anjely fiton'ny fiangonana fito.

**fanaovan-jiro**

Ny fanaovan-jiro dia marika izay maneho ny fiangonana fito.

**Fantatro ... ny asa mafinao ary ny fiaretanao maharitra**

DH: "Fantatro ... fa miasa mafy ianao ary miaritra am-paharetana"

**nefa tsy izy**

"nefa tsy apostoly"

**hitanao izy ireo fa sandoka**

"nahafantatra ianao fa ireo olona ireo dia apostoly sandoka"

**Revelation 2:3****nohon'ny amin'ny anarako**

"satria mino amin'ny anarako ianao" na "satria mino Ahy ianao"

**ary tsy nilavo lefona ianao**

Ny kivy dia resahana hoe reraka. DH: "tsy lasa kivy ianao"

**manohitra anao aho**

"Tsy miray hevitra aminao aho noho izany" na "Tezitra aminao aho noho izany"

**namela ny fitiavanao voalohany ianao**

Ny fanajanana ny fanaovana zavatra iray dia resahina toy ny hoe mamela izany. Ny fitiavana dia resahana toy ny hoe zavatra iray izay afaka avela. DH: "tsy nitia Ahy toy izay nataonao tany am-boalohany intsony ianao "

**ny toerana izay nahalavo anao**

Ny tsy fitiavan'izy ireo intsony dia resahana toy ny hoe fahalavoana. DH: "toy ny ahoana ny fiovanao" na "toy ny ahoana ny fitiavanao Ahy"

**Fa raha tsy mibebaka ianao**

"Raha tsy mifona ianao"

**hanala ireo fanaovan-jironao**

Ireo fanaovan-jiro dia marika izay maneho an'ireo fiangonana fito.

**Revelation 2:6****Nikolaita**

olona izay manaraka ny fampianaran'ny lehilahy iray antsoina hoe: Nikolaosa

**Aoka izay manan-tsofina hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

**ilay iray izay maharesy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

**ny paradisan' Andriamanitra**

"Ny zaridainan'Andriamanitra." Izany dia marika maneho ny lanitra.

**Revelation 2:8****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Smyrna.

**Smyrna**

Anaran-tanàna iray ao Asia, izay Torkia amin'izao fotoana izao.

**Izaho no voalohany sy farany**

Izany dia maneho ny maha-izy Azy an'i Jesosy.

**Fantatro ireo fahorianao sy ny fahantranao**

Afaka atao hoe: "Fantatro fa mijaly sy mahantra ianao"

**Fantatro ny fitenenan-dratsy ho an'ireo izay miteny ny tenany fa Jiosy**

Afaka atao hoe: "Fantatro fa ireo izay miteny hoe Jiosy izy ireo dia miteny ratsy anao" na "Fantatro fa ireo izay miteny hoe Jiosy izy ireo dia miteny zavatra mahatsiravina momba anao"

**kanefa tsy izy**

"tsy tena Jiosy izy ireo"

**Synagoga'i Satana izy ireo**

Ny olona izay miombona mba hankato na hanome voninahitra an'i Satana dia resahina toy ny hoe synagoga, toeran'ny fivavahana sy fampianarana ho an'ireo Jiosy.

**Revelation 2:10****Ny devoly dia hanipy ny sasany aminareo any amin'ny tranomaizina**

"Ny devoly dia hahatonga ny hafa ho any an-tranomaizina tsy ho ela"

**Matokia mandra-pafahaty**

"Matokia Ahy na dia mamono anareo aza izy ireo." Ny fampiasana ny teny hoe: "mandra-" dia tsy

midika akory hoe tsy matoky intsony ianareo rehefa maty.

#### **ny satro-boninahitra**

"ny satro-boninahitry ny mpandresy." Satro-boninahitra izay vita amin'ny rantsan'oliva na ravin-java-maniry, izay apetraka eo amin'ny lohan'ny atleta mpandresy.

#### **ny satro-boninahitry ny fiainana**

Ny mety ho dikany: 1) "satro-boninahitra izay mampiseho fa nanome ny fiainana mandrakizay anareo Aho" na 2) "ny tena fiainana toy ny loka tahaka ny satro-boninahitry ny mpandresy"

#### **Izay manan-tsofina aoka izy hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

#### **Ilay iray izay maharesy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

#### **tsy ho simban'ny fahafatesana faharoa**

"tsy handalo amin'ny fahafatesana faharoa" na "tsy ho faty fanindroany"

### **Revelation 2:12**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Pergamosy.

#### **Pergamosy**

Anaran-tanàna iray ao Asia, izay Torkia amin'izao fotoana izao.

#### **sabatra roa lela**

maranitra amin'ny sisiny roa mba samy hanapaka amin'ny ilany roa.

#### **seza fiandrianan'i Satana**

Ny mety ho dikany: 1) Fahefan'i Satana sy fitarihan-dratsy amin'ny olona, na 2) any amin'ny toerana izay Satana no manapaka.

#### **mitana mafy ny anarako ianao**

Mino mafy izay resahina toy ny hoe mitana mafy. DH: "mino mafy Ahy ianao"

#### **tsy nandà ny finoana ahy ianao**

"Ny finoana" dia afaka tao hoe "mino." DH: "tsy nijanona nino Ahy ianao"

#### **Antipasy**

Anaran'ilay lehilahy.

### **Revelation 2:14**

#### **Fa manan-teny kely aminao Aho**

"Tsy miray hevitra aminao Aho noho ireo zavatra kely izay nataonao" na "Tezitra aminao Aho noho ireo zavatra kely nataonao."

#### **mitana mafy ny fampianaran'ny Balama**

Ny mety ho dikany: 1) izay mampita ny fampianaran'i Balama" na 2) izay manao ireo nampianarin'i Balama."

#### **Balaka**

Anarana mpanjaka iray.

#### **izay nampianatra an'i Balaka hametraka fanafintohinana eo anoloan'ny zanak'Israely**

Zavatra izay mitarika ny olona hanota dia resahina toy ny hoe vato iray eo amin'ny lalana ka mahatafintohina ny olona. DH: "izay nampiseho an'i Balaka hoe ahoana no hampahatonga ny vahoakan'Israely hanota"

#### **fijangajangana**

"manota amin'ny fijangajangana"

#### **Nikolaita**

olona izay manaraka ny fampianaran'ny lehilahy iray antsoina hoe: Nikolaosa

### **Revelation 2:16**

#### **Mibebaha**

"Koa mibebaha"

#### **Fa raha tsy izany,**

"Fa raha tsy mibebaka ianao, "

#### **hifanandrina amin'izy ireo**

"hiady amin'izy ireo"

#### **miaraka amin'ny sabatry ny vavako.**

Izany dia midika fa amin'ny alalan'ny fanomezana baiko tsotra Jesosy dia handresy ireo fahavalony .

#### **Aoka izay manan-tsofina hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

#### **ilay iray izay maharesy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

### **Revelation 2:18**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Tyatira.

**Tyatira**

Anaran-tanàna iray ao Asia, izay Torkia amin'izao fotoana izao.

**Zanak'Andriamanitra**

Fiantsoana manan-danja ho an'i Jesosy.

**maso toy ny lelafo**

Ny masony dia mamaritra hoe feno hazavana tahaka ny lelan'afo. DH: "ireo masony dia namiratra tahaka ny lelan'afo"

**tongotra toy ny varahina mangirana**

Ny varahina dia nofotsiana mba hangirana sy hanefa hazavana. DH: "Ireo tongony dia tena nangirana toy ny varahina nofotsiana"

**Ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanomponao ary ny faharetanao**

Afaka atao hoe: "Ny fomba fitiavanao, ny fahatokiana, ny fanompoana, ary ny fiaretanao maharitra"

**Ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanomponao ary ny faharetanao**

Afaka atao mazava kokoa hoe: "Ny fitiavanao Ahy sy ny hafa, ny fahatokiana Ahy, ny fanompoana ny hafa, ary ny fiaretanao maharitra ireo fahoriana"

**Revelation 2:20****Kanefa izao no hanoherako anao**

"Tsy miray hevitra aminao Aho noho ilay zavatra vitanao" na "Tezitra aminao nohon'ny nataonao Aho"

**ilay vehivavy Zezebela**

Jesosy dia miresaka momba ireo vehivavy sasany ao amin'ny fiangonan'izy ireo toy ny hoe Mpanjakavavy Zezebela, satria izy ireo dia nanao karazam-pahotana toa an'ny Mpanjakavavy Zezebela talohan'io fotoana io. DH: "ilay vehivavy izay toa an'i Zezebela"

**Nanome fotoana mba hibebehany Aho**

"Nomeko irika hibebehana izy" na "Niandry azy mba hibebaka Aho"

**Revelation 2:22****Hataoko marary eo am-pandriana izy**

Ny fianonany eo am-pandriana no ho valin'ny fanaovan'i Jesosy azy marary mafy. DH: "Hataoko marary mafy izy"

**ary ireo izay mijangajanga miaraka aminy dia hampahoriako mafy**

Jesosy dia miresaka momba ny fampijaliana ny olona ho fampahoriana azy ireo. DH: "ary hampahory mafy an'ireo izay mijangajanga miaraka aminy Aho"

**raha tsy mibebaka amin'ny asa ratsin'ilay vehivavy izy ireo**

"raha tsy mibebaka amin'ny fanaovana ny ratsy izay nataon'ilay vehivavy izy ireo"

**ireo zanany**

Jesosy dia miresaka ireo mpanaraka an'ilay vehivavy ho toy ny hoe zanany. DH: "ireo mpanaraka azy" na "ireo olona manao izay nampianariny"

**ny fieritreretana sy fihetsem-po**

Ny teny hoe: "fo" dia matetika ampiasaina mba hanehoana ny fihetsem-po sy ny faniriana. DH: "izay eritreretin'ny olona sy tiany"

**Homeko araka ny asanareo tsirairay avy ianareo.**

Fanehoana ny fanasaziana sy valisoa. DH: "Hanasazy na hanome valisoa anareo tsirairay avy Aho"

**Revelation 2:24****izay rehetra tsy mitana izao fampianarana izao**

Ny finoana ny fampianarana dia resahina toy ny hoe: fitanana ny fampianarana. DH: "ny olon-drehetra izay tsy mino io fampianarana io"

**izao fampianarana izao**

Afaka atao hoe: "izay nampianariny" (ilay vehivavy)

**sain-dalin'i Satana**

"ny zavatra lalina izay ampianarin'i Satana"

**zavatra lalina**

Ny zava-miafina dia resahina toy ny hoe lalina. DH: "ireo zava-miafina lalina"

**izay antsoin'ny sasany hoe sain-dalin'i Satana**

Ireo mety ho dikany: 1) ireo izay miantso azy ireo hoe zavatra lalina dia mahafantatra fa avy amin'i Satana izy ireo na 2) ny olona sasany dia miantso azy ireny ho zavatra lalina, fa Jesosy dia miteny fa ireo zavatra ireo dia tena avy amin'i Satana tokoa. DH: "ireo zavatr'i Satana, izay antsoin'ny sasany hoe zavatra lalina"

**Revelation 2:26****Ilay iray izay maharesy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

**Hanapaka azy ireo ... hanapotehina azy ireo**

Faminaniana avy ao amin'ny Testamenta Taloha momba ny mpanjakan'Israely izany, fa Jesosy nametraka azy eto ho an'ireo izay nomeny fahefana hanapaka ireo firenena.

**Hanapaka azy ireo miaraka amin'ny tehim-by izy**

Ny fanapahana henjana dia resahina toy ny hoe: manapaka amin'ny tehim-by. DH: "Hanapaka eo amin'izy ireo amin'ny fikapohana vy Izy"

**toy ny fanorotorona vilany tany no hanapotehina azy ireo**

Ny hoe: hanorotoro azy ireo dia sarisary izay maneho na 1) hamotika ireo mpanao ratsy na 2) handresy ireo fahavalo. DH: "Handresy tanteraka an'ireo fahavalony toy ny fanorotoroana vilany tany Izy"

**Tahaka ny nandraisako avy amin'ny Raiko**

Ny fiteny sasany dia mety mila miteny hoe inona no noraisina. Ireo mety ho dikany: 1) "Tahaka ny nandraisako fahefana avy amin'ny Raiko" na 2) Toy ny nandraisako ny kintan'ny maraina avy amin'ny Raiko.

**ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**no hanomezako azy ihany koa**

Eto ny hoe: "azy" dia maneho an'ilay iray izay mandresy.

**kintana maraina**

Kintana mamiratra izay miseho amin'ny maraina alohan'ny fiposahan'ny masoandro. Izany dia marika fandresena.

**Aoka ilay iray izay manan-tsofina hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

## Chapter 3

<sup>1</sup> Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Sardisy hoe: 'Izao no tenin'ilay mitàna ireo Fanahy fiton'Andriamanitra sy ireo kintana fito. "Fantatro izay nataonao. Malaza ho velona ianao, nefa ianao maty. <sup>2</sup> Mifohaza ary hatanjaho izay tavela, fa efa ho faty, satria tsy hitako tanteraka ireo asanao eo imason'Andriamanitra. <sup>3</sup> Tadidio, noho izany, izay noraisinareo sy renareo. Ankatoavy izany, ary mibebaha. Fa raha tsy mifoha ianareo, dia ho avy toy ny mpangalatra Aho, ary tsy ho fantatrareo ny ora hiaviako aminareo. <sup>4</sup> Fa misy anaran'olona vitsivitsy any Sardisy izay tsy nandoto ny akanjon'izy ireo. Handeha hiaraka amiko izy ireo, miakanjo fotsy, satria mendrika. <sup>5</sup> Ilay iray izay maharesy dia ho ampiakanjoana fotsy, ary tsy hamafa ny anarany ao amin'ny Bokin'ny Fiainana mihitsy Aho, ary hilaza ny anarany eo anatrehan'ny Raiko, sy eo anatrehan'ireo anjely. <sup>6</sup> Aoka izay manan-tsofina hiaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana. <sup>7</sup> "Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Filadelfia hoe: 'Izao no tenin'ilay iray izay masina sy marina\_ izy no mitazona ny fanalahidin'i Davida, izy no mamoha ary tsy misy na iza na iza manidy, izy no manidy ary tsy misy na iza na iza afaka mamoha. <sup>8</sup> "Fantatro izay vitanareo. Indro, nametrahako varavarana mivoha eo anoloanareo izay tsy afaka hidin'iza na iza. Fantatro fa manana hery kely ianareo, ka nankàto ny teniko ary tsy nandà ny anarako. <sup>9</sup> Indro! Ireo izay an'ny synagoga'ny Satana, ireo izay milaza fa Jiosy izy ireo nefa tsy izy akory; fa mandainga kosa izy ireo. Hataoko tonga ka hiankohoka eo an-tongotrao izy ireo, ary ho avy izy ireo mba hahafantatra fa nitia anao Aho. <sup>10</sup> Satria efa nitandrina ny didiko tamin'ny faharetana ianareo, dia hiaro anareo amin'ny andro fitsapana izay efa ho avy amin'izao tontolo rehetra izao ihany koa Aho, mba hitsapa ireo izay miaina eo ambonin'ny tany. <sup>11</sup> Ho avy tsy ho ela Aho. Tano mafy izay hanananao mba tsy hisy afaka hanala ny satro-boninahitrao. <sup>12</sup> Ataoko andry eo amin'ny tempolin'ny Andriamanitra izay mandresy, ary tsy hiala eo mihitsy izy. Ho soratako eo aminy ny anaran'Andriamanitra, ilay anaran'ny tanànan'ny Andriamanitra (ilay Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'ny Andriamanitra), sy ny anarako vaovao. <sup>13</sup> Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana. <sup>14</sup> "Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia hoe: "Izao no tenin'ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina, ilay mpanapaka ny zava-boarin' Andriamanitra. <sup>15</sup> "Fantatro izay nataonareo, ary tsy mangatsiaka na mafana ianareo. Maniry Aho mba ho mangatsiaka na mafana ianareo! <sup>16</sup> Noho izany, satria ianareo matimaty\_ sady tsy mafana no tsy mangatsiaka dia efa haloan'ny vavako ianareo. <sup>17</sup> Fa hoy ianareo hoe: 'Manan-karena aho, nanana fitaovana maro, ka tsy mila na inona na inona.' Saingy tsy fantatrareo fa ianareo no tena ory, mampahonena, mahantra, jamba ary mitanjaka. <sup>18</sup> Henoy ny torohevitra: Mividianana volamena voadio tamin'ny afo amiko mba ho tonga mpanan-karena ianareo, ary akanjo fotsy manjopiaka mba ho afaka mampitafy ny tenanareo ianareo ka tsy hampiseho ny henatry ny fitanjahanareo, ary hanosotra ny masonareo mba hahiratanareo. <sup>19</sup> Ampiofaniko ny tsirairay avy izay tiako, ary hampianariko azy ireo ny fomba tokony hiainan'izy ireo. Noho izany, mazotoa ary mibebaha. <sup>20</sup> Indro, mijoro eto amin'ny varavarana Aho ary mandondona. Raha misy mandre ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia ho avy ao an-tranony Aho ka hihinana miaraka aminy, ary izy miaraka amiko. <sup>21</sup> Ilay iray izay mandresy, hatolotro azy ny zo hipetraka miaraka amiko eo amin'ny seza fiandrianako, tahaka ny nandreseko koa ka nipetrahako niaraka tamin'ny Raiko teo amin'ny seza fiandrianany. <sup>22</sup> Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana. <sup>23</sup>

### Revelation 3:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Sardisy.

#### Sardisy

Anaran-tanàna iray ao Asia, izay Torkia amin'izao fotoana izao.

#### ireo Fanahy fito

Ny isa fito dia famantaran'ny fahafenoana sy fahalavorariana. Ireo "fanahy fito" dia maneho na ny Fanahin'Andriamanitra na ireo fanahy fito izay manompo an'Andriamanitra.

#### ireo kintana fito

Ireo kintana ireo dia marika. Miseho ireo mba hanehona ireo anjely fiton'ny fiangonana fito.

#### velona ... maty

Ny fankatoavana sy ny fanajana an'Andriamanitra dia resahina toy ny hoe velona; ny tsy fankatoavana sy tsy fanajana Azy dia resahina toy ny hoe maty.

#### Mifohaza

Ny hoe nampitandremana tamin'ny loza dia resahina toy ny hoe fifohazana. DH: "Mitandrema" na "Miambena"

**hatanjaho izay tavela, fa efa ho faty**

Ireo asa soa izay vitan'ireo mpino tao Sardisy dia resahina toy ny hoe velona izy ireo fa tandindomin'ny fahafatesana. DH: "tanteraho ireo asa tavela, raha tsy izany izay vitanao dia tsy hisy dikany" na "raha tsy mamita ny asa izay natombokao ianao, dia tsy hisy dikany ireo asanao teo aloha"

**Revelation 3:3****izay noraisinareo sy renareo**

Izany dia maneho ny tenin'Andriamanitra, izay hinoan'izy ireo. DH: "Ny tenin'Andriamanitra, izay renareo sy ny marina izay hinoanareo"

**Fa raha tsy mifoha ianareo**

Ny hoe nampitandremana tamin'ny loza dia resahina toy ny hoe fifohazana. DH: "Mitandrema" na "Miambena"

**ho avy toy ny mpangalatra Aho**

Jesosy dia ho tonga amin'ny fotoana tsy ampoizin'ny olona tahaka ny fiavian'ny mpangalatra izay tsy ampoizina.

**anaran'olona vitsivitsy**

Izany dia maneho ireo olona. DH: "olona vitsivitsy"

**tsy nandoto ny akanjon'izy ireo**

Jesosy dia miresaka momba ny fahotana amin'ny fiainan'olona iray toy ny hoe akanjo maloto. DH: "tsy nanao ny fiainan'izy ireo ho fahotana tahaka ny ankanjo maloto"

**Handeha hiaraka amiko izy ireo**

Ny olona matetika dia miresaka ny fiainana ho toy ny "fandehanana." DH: "hiaina hiaraka amiko"

**miakanjo fotsy**

Ny akanjo fotsy dia maneho fiainana madio tsy misy fahotana. DH: "ary izy ireo dia hiakanjo fotsy, izay mampiseho fa madio izy ireo"

**Revelation 3:5****Ilay iray izay maharesy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

**ho ampiakanjoana fotsy**

Afaka atao hoe: "hiakanjo fotsy" na "Izaho hanome Azy akanjo fotsy"

**hilaza ny anarany Aho**

Tsy hiteny tsotra fotsiny ny anaran'ny olona iray Izy, fa hanambara fa io olona iray io dia Azy. DH: "Hanambara Aho fa Ahy izy"

**ny Raiko**

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisan'Andriamanitra sy Jesosy.

**Aoka izay manan-tsofina hiaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

**Revelation 3:7****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Filadelfia.

**ny fanalahidin'i Davida**

Jesosy dia miresaka momba ny fahefany hanapakevitra hoe iza no mankany amin'ny fanjakany toy ny hoe fanalahidin'i Davida.

**izy no mamoha ary tsy misy na iza na iza manidy**

"mamoha ny varavarana mankany amin'ny fanjakana Izy ary tsy misy na iza na iza afaka manidy izany"

**izy no manidy ary tsy misy na iza na iza afaka mamoha**

"manidy ny varavarana Izy ary tsy misy na iza na iza afaka mamoha izany"

**nametrahako varavarana mivoha eo anoloanareo**

"Namoha varavarana ho anareo Aho"

**ny anarako**

"Izaho"

**Revelation 3:9****ny synagogan'ny Satana**

Ny olona izay miombona mba hankato na hanome voninahitra an'i Satana dia resahina toy ny hoe synagoga, toeran'ny fivavahana sy fampianarana ho an'ireo Jiosy.

**hiankohoka**

Marika fanekena, fa tsy fiderana. DH: "miankohoka am-panekena"

**eo an-tongotrao**

"eo anoloanao"

**ho avy izy ireo mba hahafantatra**

"mba hanaiky izy ireo"

**andro fitsapana**

"fotoan'ny fitsapana." Izany dia mety hidika hoe: "ny fotoana izay mety tsy hankatoavan'ny olona Ahy."

**efa ho avy**

ny ho avy izay ho tonga.

**Ho avy tsy ho ela Aho**

Fantatra fa ho avy mba hitsara Izy. DH: "Ho avy tsy ho ela Aho mba hitsara"

**Tano mafy**

"Tohizo ny finoana"

**ny satro-boninahitra**

Satro-boninahitra izay vita amin'ny rantsan'oliva na ravin-java-maniry, izay apetraka eo amin'ny lohan'ny atleta mpandresy. Eto ny satro-boninahitra dia valisoa.

**Revelation 3:12****izay mandresy**

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

**andry eo amin'ny tempolin'ny Andriamanitra**

Ny "andry" dia maneho ny ampahany manan-danja sy maharitra ny fanjakan'Andriamanitra. DH: "matanjaka tahaka ny andry ao amin'ny tempolin'ny Andriamanitra"

**Aoka izay manan-tsofina hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

**Revelation 3:14****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny hafatry ny Zanak'Olona mankany amin'ny anjelin'ny fiangonana ao Laodikia.

**tenin'ny Amena**

Eto ny hoe: "Amena" dia anaran'i Jesosy Kristy. Manome antoka ireo fampanantenan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitenenana hoe amena amin'izy ireo Izy.

**ilay mpanapaka ny zava-boaarin'Andriamanitra**

Ireo mety ho dikany: 1) "ilay iray izay manapaka ny zavatra rehetra noarin'Andriamanitra" na 2) "ilay iray izay avy amin'ny alalany no hanorenan'Andriamanitra an'izao rehetra izao."

**tsy mangatsiaka na mafana ianareo**

Ny "Mangatsiaka" sy "mafana" dia maneho ny teboka roa amin'ny tombontsoa ara-panahy na ny fitiavana an'Andriamanitra. Ny "mangatsiaka" dia manohitra tanteraka an'Andriamanitra, ary ny "mafana" dia manana zotom-po hanompo Azy. DH: "ianao dia tahaka ny rano izay sady tsy mangatsiaka no tsy mafana"

**matimaty**

"kely hafanana." Izany dia maneho olona iray tsy liana amin'ny tombontsoa ara-panahy na faharesen-dahatra.

**dia efa haloan'ny vavako ianareo**

Ny manary anareo dia resahina toy ny hoe mando azy ireo avy ao amin'ny vava. DH: "Hanary anareo Aho tahaka ny handrorako rano matimaty"

**Revelation 3:17****ianareo no tena ory, mampahonena, mahantra, jamba ary mitanjaka**

Jesosy dia miresaka momba ny toetoetry ny ara-panahin'izy ireo toy ny hoe miresaka momba ny toetoetry ny ara-batan'izy ireo. DH: "Ianareo dia toy ny olona izay tena ory indrindra, mampahonena, mahantra, jamba, ary mitanjaka."

**Mividianana volamena voadio tamin'ny afo amiko**

Ny volamena voadio tamin'ny afo dia madio ary sarobidy tokoa. Eto ny famonjena izay omen'ny zanak'olombelona dia resahina toy ny hoe volamena. DH: "Handray avy amiko izay tena sarobidy indrindra, tahaka ny volamena voadio tamin'ny afo"

**tonga mpanan-karena**

Izany dia maneho ny harena ara-panahy, miaina ny fiainana izay sarobidy indrindra eo imason'Andriamanitra. DH: "mba hanan-karena ara-panahy" na "mba hiaina fiainana sarobidy indrindra"

**akanjo fotsy manjopiaka**

Ny akanjo fotsy manjopiaka dia maneho ny fahamarinana. DH: "fahamarinana, tahaka ny akanjo fotsy"

**mba hahiratanareo**

Ny fahiratana dia maneho fahazoana ny marina.

**Revelation 3:19****mazotoa ary mibebaha**

"aoka ho matotra ary mibebaha"

**mijoro eto amin'ny varavarana Aho ary mandondona**

Jesosy dia miresaka momba ny olona izay tiany hifandray Aminy toy ny hoe tiany hanasa Azy ho any an-tranon'izy ireo Izy. DH: "Izaho dia tahaka ilay iray izay mijoro eo amin'ny varavarana ary mandondona"

**ary mandondona**

Afaka atao hoe: "ary tiako mba ho avelanao miditra ao anatiny Aho"

**mandre ny feoko**

Ny teny hoe: "ny feoko" dia maneho an'i Kristy miteny. DH: "mandre Ahy miteny" na "mandre Ahy miantso"

**ho avy ao an-tranony Aho**

Afaka atao hoe: "Handeha ao an-tranony Aho"

**ka hihinana miaraka aminy**

Izany dia maneho ny fiarahana toy ny hoe mpinamana.

## Revelation 3:21

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ity no fiakaran'ny hafatry ny Zanak'Olonana amin'ireo anjelin'ny fiangonana fito.

### Ilay iray izay mandresy

Izany dia maneho an'izay rehetra mandresy. DH: "izay rehetra mahatohitra ny ratsy" na "ireo izay tsy miray hevitra amin'ny ratsy"

### nipetrahako niaraka tamin'ny Raiko teo amin'ny seza fiandrianany.

Ny mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana dia midika hoe manapaka. DH: "hanapaka hiaraka

amiko" na "mipetraka eo ambony seza fiandrianana ary manapaka miaraka amiko"

### ny Raiko

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

### Aoka izay manan-tsofina hihaino

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"



## Chapter 4

<sup>1</sup> Taorin'izany zavatra izany dia nijery aho, ary nahita varavarana iray nisokatra teny amin'ny lanitra. Ny feo voalohany izay reko dia niresaka tamiko tahaka ny trompetra, nanao hoe: "Miakara ety, ary ho asehoko anao izay tsy maintsy hitranga aorian'ireo zavatra ireo." <sup>2</sup> Nisy fotoana aho voatariky ny Fanahy, ary nahita fa nisy seza fiandrianana nipetraka teny amin'ny lanitra, nisy olona nipetraka teo ambonin'izany. <sup>3</sup> Ilay iray izay nipetraka teo amboniny dia miendrika tahaka ny jaspas sy karneola. Nisy avana nanodidina ny seza fiandrianana. Ilay avana dia miendrika toy ny emeraoda. <sup>4</sup> Nisy seza fiandrianana efatra amby roapolo nanodidina ilay seza fiandrianana, ary loholona efatra amby roapolo no nipetraka teo ambonin'ireo seza fiandrianana, niakanjo fotsy, niaraka tamin'ny satro-boninahitra volamena teny amin'ny lohan'izy ireo. <sup>5</sup> Avy tamin'ilay seza fiandrianana no nisy tsela-pahazavana, kotroka, ary kotro-baratra. Nisy jiro fito nirehitra teo anoloan'ny seza fiandrianana, jiro izay fanahy fiton'Andriamanitra <sup>6</sup> Teo alohan'ny seza fiandrianana dia nisy ranomasina fitaratra, tahaka ny kristaly. Ireo zava-manan'aina efatra dia teo afovoan'ny seza fiandrianana sy nanodidina izany, feno maso, teo anoloany sy tao an-damosiny. <sup>7</sup> Ilay zava-manan'aina voalohany dia tahaka ny liona, ilay zava-manan'aina faharoa tahaka ny zanak'omby, ilay zava-manan'aina fahatelo dia miendrika olona, ary ilay zava-manan'aina fahaefatra tahaka ny voro-mahery manidina. <sup>8</sup> Ireo zava-manan'aina efatra dia samy manana elatra enina avy, feno maso ny ambony sy ny ambany. Andro sy alina izy ireo dia tsy mitsahatra miteny hoe: "Masina, masina, masina ilay Tompo Andriamanitra Tsitoha izay nisy, sy misy, ary mbola ho avy." <sup>9</sup> Na oviana na oviana ireo zava-manan'aina dia hanome voninahitra, laza, ary fisaorana an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, ilay iray izay velona mandrakizay doria, <sup>10</sup> ireo loholona efatra amby roapolo dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo eo anoloan'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana. Miankohoka eo amin'ilay iray izay velona mandrakizay doria izy ireo, ary nanipy ny satro-boninahitr'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana, miteny hoe: <sup>11</sup> "Mendrika ianao, ry Tomponay sy Andriamanitray, handray ny voninahitra sy ny laza ary ny hery. Fa Ianao no namorona ny zavatra rehetra, ary tamin'ny alalan'ny sitraponao, dia nisy izy ireo ary nohariana."

### Revelation 4:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany momba ny seza fiandrianan'Andriamanitra.

**Taorin'izany zavatra izany**  
"Taorian'ny nahitan'i Jaona"

**varavarana iray nisokatra teny amin'ny lanitra**  
Io fomba fiteny io dia maneho ny fahaizana izay nataon'Andriamanitra hitan'i Jaona teny amin'ny lanitra, farafahakeliny amin'ny alalan'ny fahitana.

**niresaka tamiko tahaka ny trompetra**  
Afaka atao mazava hoe: "miresaka amiko amin'ny feo mafy tahaka ny feon'ny trompetra"

**trompetra**  
Zava-maneno na fiantsoana ny olona mba hiangona na hivory.

**voatariky ny Fanahy**  
Jaona dia miresaka momba ny hoe voatariky ny Fanahin'Andriamanitra. DH: "notarihin'ny Fanahy aho"

**jaspas sy karneola**  
vato sarobidy. Ny jaspas dia mazava tahaka ny fitaratra na kristaly, ary ny karneola dia mety ho mena.

**emeraoda**  
vato maitso sarobidy

### Revelation 4:4

**loholona efatra amby roapolo**  
"loholona 24"

**satro-boninahitra volamena**  
Tahaka ny fehiloaha vita amin'ny sampan'oliva na ravin-javatra, notefena tamin'ny volamena. Ny satro-boninahitra tahaka izany, vita tamin'ny ravina, dia nomena ireo atleta mpandresy mba hatao eo amin'ny lohan'izy ireo.

**tsela-pahazavana**  
Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny tselatra amin'ny fitenim-paritrao rehefa miseho izany.

**kotroka, ary kotro-baratra**  
Feo mahery ataon'ny kotroka. Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny feon'ny kotroka amin'ny fitenim-paritrao.

**fanahy fiton'Andriamanitra**  
Ny isa fito dia famantaran'ny fahafenoana sy fahalavorariana. Ireo "fanahy fito" dia maneho na ny Fanahin'Andriamanitra na ireo fanahy fito izay manompo an'Andriamanitra.

## Revelation 4:6

### ranomasina fitaratra

Afaka atao mazava tsara hoe: 1) ny ranomasina dia resahina toy ny hoe fitaratra. DH: "ranomasina izay malama tahaka ny fitaratra" na 2) ny fitaratra dia resahina toy ny hoe ranomasina. DH: "fitaratra izay midadasika tahaka ny ranomasina"

### tahaka ny kristaly

Afaka atao mazava tsara hoe: "mazava tahaka ny kristaly"

**teo afovoan'ny seza fiandrianana sy nanodidina izany**  
"Akaikin'ny seza fiandrianana sy nanodidina izany"

## Revelation 4:7

### feny maso ny ambony sy ny ambany

feny maso ny elatra ambony sy ny ambany.

### ho avy

ho avy izay ho tonga.

## Revelation 4:9

**ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, ilay iray izay velona mandrakizay doria**

Olona iray ihany izany. Ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana dia velona mandrakizay doria.

### mandrakizay doria

Ireo teny ireo dia mitovy dika ary naverimberina mba ho fanamafisana.

### loholona efatra amby roapolo

"loholona 24."

### nampiankohoka ny tenan'izy ireo

Niankohoka tamin'ny tany izy ireo.

**nanipy ny satro-boninahitr'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana**

Tahaka ny fehiloaha vita amin'ny sampan'oliva na ravin-javatra, notefena tamin'ny volamena. Ny satro-boninahitra tahaka izany, vita tamin'ny ravin-kazo, dia nomena ireo atleta mpandresy mba hatao eo amin'ny lohan'izy ireo. Ireo loholona dia nampiseho fa izy ireo dia manaiky ny fanapahan'ny fahefan'Andriamanitra. DH: "nanipy ny satro-boninahitr'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana izy ireo mba hampiseho fa manaiky Azy izy ireo"

### Tomponay sy Andriamanitray

Olona iray ihany izany, ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana.

### handray ny voninahitra sy ny laza ary ny hery

Zavatra izay tsy maintsy hananan'Andriamanitra foana ireo. Noderaina mba hanana ireo dia resahina toy ny hoe mandray ireo. DH: "noderaina ho an'ny voninahiny, hajany, ary heriny" na "ho an'izay rehetra midera Azy satria be voninahitra Izy, mendrika haja, ary mahery"

## Chapter 5

<sup>1</sup> Ary nahita ny tanan-kavanan'ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana aho, horonan-taratasy voasoratra eo anoloana sy ao aoriana. Ary nofehezina tamin'ny tombo-kase fito izany. <sup>2</sup> Nahita anjely mahery nanambara tamin'ny feo mafy aho, niteny hoe: "Iza no mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy ary hamoha ny tombo-kasen'izany?" <sup>3</sup> Tsy misy olona avy an-danitra na eto an-tany na ambanin'ny tany ka afaka hanokatra ny horonan-taratasy na hamaky izany. <sup>4</sup> Nitomany mafy aho- satria tsy nisy olona hita mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy na hamaky izany. <sup>5</sup> Kanefa iray tamin'ireo loholona nilaza tamiko hoe: "Aza mitomany. Indro! Ilay lion'ny fokon'i Joda, ilay solofon'i Davida, dia nandresy. Afaka ny hanokatra ny horonan-taratasy sy ireo tombo-kase fito izy. <sup>6</sup> Nahita Zanak'ondry mitsangana eo anelanelan'ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina efatra ary eo anivon'ireo loholona aho. Toy ny hoe olona novonoina izy. Nanana tandroka fito sy maso fito izy; izy ireo no fanahy fiton'Andriamanitra nalefa nanerana ny tany. <sup>7</sup> Nandeha izy ary naka ilay horonan-taratasy teny amin'ny tanan-kavanan'ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana. <sup>8</sup> Rehefa noraisin'ilay Zanak'ondry ilay horonan-taratasy, ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona efatra amby roapolo dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo teo anoloany. Samy nanana lokanga sy lovia volamena feno emboka manitra avy ny tsirairay tamin'izy ireo, izay vavak'ireo mpino. <sup>9</sup> Nihira hira vaovao izy ireo: "Mendrika ny handray an'ilay horonan-taratasy ianao ary hanokatra ny tombo-kasen'izany. Fa ianao dia novonoina, ary tamin'ny ranao no nividianana an'ireo olon'Andriamanitra avy tamin'ny foko, fiteny, olona, ary firenena rehetra. <sup>10</sup> Nataonao fanjakana sy mpisorona izy ireo mba hanompo an'Andriamanitra, ary hanjaka eto an-tany." <sup>11</sup> Avy eo aho dia nahita sy nandre feon'anjely maro nanodidina ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina ary ireo loholona. Ny fitambaran'ny izy ireo dia aman'alina alina. <sup>12</sup> Niteny tamin'ny feo mafy izy ireo hoe: "Mendrika anie ilay Zanak'ondry izay novonoina mba handray fahefana, harena, fahendrena, hery, laza, voninahitra, ary dera." <sup>13</sup> Nandre ireo zavatra voaforona rehetra izay tany an-danitra sy teto an-tany ary an-dranomasina aho- ny zavatra rehetra tao anatin'ireo-niteny hoe: "Ho an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana sy ho an'ilay Zanak'ondry, anie ny dera, ny laza, ny voninahitra, ary ny fahefana handidy, mandrakizay doria." <sup>14</sup> Ireo zava-manan'aina efatra, niteny hoe: "Amena!" Ary ireo loholona niankohoka sy nivavaka. <sup>[1]</sup>

### Footnotes

5:14 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha dia mivaky hoe: "Ireo loholona roa amby efapolo dia niankohoka sy nanompo an'ilay iray izay velona mandrakizay doria."

### Revelation 5:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia manohy mamaritra ny fahitany momba ny seza fiandrianan'Andriamanitra.

#### Ary nahita

"Taorian'ny nahitako ireo zavatra , dia nahita ... aho"

ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana  
"ilay iray" ao amin'ny 4:1 ihany no resahina eto

#### Ary nofehezina tamin'ny tombo-kase fito

"Manana tombo-kase fito izay manidy azy"

#### Iza no mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy ary hamoha ny tombo-kasen'izany?

Tsy maintsy hamotika ireo tombo-kase ny olona iray mba hanokafana ny horonan-taratasy. DH: "Iza no

mendrika hamotika ireo tombo-kase ary hanokatra ny horonan-taratasy?

#### Iza no mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy ary hamoha ny tombo-kasen'izany?

Afaka atao hoe: "Aoka ny iray izay mendrika hanao izany hamotika ireo tombo-kase ary hanokatra ny horonan-taratasy!"

### Revelation 5:3

#### avy an-danitra na eto an-tany na ambanin'ny tany

Izany dia midika hoe eny rehetra eny: ny fitoeran'Andriamanitra sy ireo anjely, ny fitoeran'ny olona sy ny biby, ary ny fitoeran'ireo efa maty.

#### Indro

"Mihainoa" na "Mifantoha amin'izay ho lazaiko anareo"

**Ilay lion'ny fokon'i Joda**

Fiantsoana ny lehilahy iray avy amin'ny fokon'i Joda izay nampanantenain'Andriamanitra ho lasa mpanjaka lehibe izany. DH: "Ilay iray izay antsoina hoe Lion'ny Fokon'i Joda" na "Ilay mpanjaka izay antsoina hoe Lion'ny Fokon'i Joda"

**Liona**

Ny mpanjaka dia resahina toy ny hoe liona satria ny liona dia matanjaka tokoa.

**ilay fototr'i Davida**

Fiantsoana ilay taranak'i Davida izay nampanantenain'Andriamanitra ho lasa mpanjaka lehibe. DH: "ilay iray izay antsoina hoe Fototr'i Davida"

**fototr'i Davida**

Ny taranaka dia toy ny hoe ny fianakavian'i Davida dia hazo ary izy no fakan'io hazo io. DH: "Ny taranak'i Davida"

**Revelation 5:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny Zanak'ondry dia niseho tao amin'ny efity ny seza fiandrianana.

**Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy.

**fanahy fiton'Andriamanitra**

Ny isa fito dia famantaran'ny fahafenoana sy fahalavorariana. Ireo "fanahy fito" dia maneho na ny Fanahin'Andriamanitra na ireo fanahy fito izay manompo an'Andriamanitra.

**nalefa nanerana ny tany**

Afaka atao hoe: "nalefan'Andriamanitra nanerana ny tany"

**Nandeha izy**

Nanatona ny seza fiandrianana Izy. Ny fiteny hafa dia mety hampiasa ny hoe "tonga". DH: "Tonga izy"

**Revelation 5:8****Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy.

**loholona efatra amby roapolo**

"loholona 24"

**nampiankohoka ny tenan'izy ireo teo anoloany**

"niankohoka tamin'ny tany." Nitehaka tamin'ny tany ny tavan'izy ireo.

**ny tsirairay tamin'izy ireo**

Ireo mety ho dikany 1) "ireo loholona tsirairay sy ireo zava-manan'aina tsirairay" na "ireo loholona tsirairay"

**lokanga sy lovia volamena feno emboka manitra avy ny tsirairay tamin'izy ireo, izay vavak'ireo mpino.**

Ny emboka eto dia mariky ny fivavahan'ireo mpino amin'Andriamanitra.

**Revelation 5:9****Fa ianao dia novonoina**

Afaka atao hoe: "Fa novonoin'izy ireo ianao" na "Fa novonoin'ireo olona ianao"

**novonoina**

Raha manana "teny" ho an'ny famonoana biby atao sorona ny faritrao dia afaka ampiasaina eto izany.

**tamin'ny rànao**

Satria ny rà dia maneho ny fiainan'ny olona iray dia ny fahaverezan-drà dia maneho ny fahafatesana.

Mety hidika hoe: "amin'ny alalan'ny fahafatesanao" na "amin'ny fahafatesana."

**nividianana an'ireo olon'Andriamanitra**

"novidianao ny olona mba ho an'Andriamanitra" na "nalaoanao ny vidin'ny olona mba ho an'Andriamanitra izy ireo"

**avy tamin'ny foko, fiteny, olona, ary firenena rehetra**

Izany dia midika fa ny olona avy amin'ny foko rehetra dia tafiditra ao anatin'ny.

**Revelation 5:11****aman'alina alina**

DH: "tsy tambo isaina"

**Mendrika anie ilay Zanak'ondry**

"Mendrika ilay Zanak'ondry"

**mba handray fahefana, harena, fahendrena, hery, laza, voninahitra, ary dera**

Ireo zavatra rehetra izay hananan'ny Zanak'ondry ireo. Ny hoe noderaina mba hanana ireo dia resahina toy ny hoe mandray azy ireo. DH: "noderaina ho an'ny voninahiny, ny harenany, ny fahendreny, ny hajany, ary ny heriny."

**Mendrika ... mba handray... dera**

Izany dia midika fa mendrika ny hoderain'ny olon-drehetra Izy.

**Revelation 5:13****tany an-danitra sy teto an-tany ary an-dranomasina**

Izany dia midika hoe eny rehetra eny: ny fitoeran'Andriamanitra sy ireo anjely, ny fitoeran'ny olona sy ireo biby, ary ny fitoeran'ireo efa maty.

**Ho an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana sy ho an'ilay Zanak'ondry, anie ny dera, ny laza, ny voninahitra**

Afaka ampiasaina eto ny matoanteny hoe "manolotra" mba hampisehoana hoe tahaka ny ahoana ny fiderana, haja, ary voninahitra "ho an' "

ilay iray izay eo amin'ny seza fiandrianana sy "ho an'ny" Zanak'ondry. DH: "Tsy maintsy manolotra fiderana, haja, ary voninahitra ho azy izay mipetraka eo ambon'ny seza fiandrianana sy ho an'ilay Zanak'ondry isika"

**ary ny fahefana handidy, mandrakizay doria**

Ny matoanteny hoe "manana" dia afaka ampiasaina eto mba hampisehoana hoe tahaka ny ahoana ny fahefana "ho an' " ilay iray izay mipetraka eo ambony seza fiandrianana sy "ho an' " ilay Zanak'ondry. DH: "ary hanana ny fahefana hanapaka mandrakizay doria anie izy ireo"

---

## Chapter 6

<sup>1</sup> Rehefa nanokatra ny iray tamin'ireo tombo-kase fito ny Zanak'ondry dia nijery aho, ary nandre ny iray tamin'ireo zava-manan'aina efatra tamin'ny feo toy ny kotroka aho niteny hoe: "Avia!" <sup>2</sup> Nijery aho ary nisy soavaly fotsy teo. Ny mpitaingina izany dia nitazona tsipika, ary nomena satro-boninahitra izy. Nivoaka toy ny mpandresy izy mba handresy. <sup>3</sup> Rehefa nanokatra ny tombo-kase faharoa ny Zanak'ondry, dia nandre ny zava-manan'aina faharoa aho niteny hoe: "Avia!" <sup>4</sup> Dia nisy soavaly hafa nivoaka- mirehitra mena. Ny mpitaingina izany no nomena alalana hanala ny fiadanana amin'ny tany, mba hifamono ny olony. Io mpitaingina io dia nomena sabatra lehibe. <sup>5</sup> Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahatelo ny Zanak'ondry, dia nandre ny zava-manan'aina fahatelo aho niteny hoe: "Avia!" Nahita soavaly mainty aho, ary ny mpitaingina izany dia nitàna mizàna teny an-tanany. <sup>6</sup> Nandre tahaka ny feo tamin'ny zava-manan'aina efatra aho niteny hoe: "Ny vary eran'ny fatram-bary ho an'ny denaria iray, ary ny hordea in-telon'ny fatram-bary ho an'ny denaria iray. Fa aza manimba ny menaka sy ny divay." <sup>7</sup> Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahaefatra ny Zanak'ondry, dia nandre ny feon'ny zava-manan'aina fahaefatra aho niteny hoe: "Avia!" <sup>8</sup> Dia nahita soavaly hatsatra aho. Ny mpitaingina izany dia nantsoina hoe Fahafatesana, ary ireo Fasana dia nanaraka azy. Nomena fahefana amin'ny ampaha-efatry ny tany izy ireo, mba hamono amin'ny sabatra, hanoanana sy aretina, ary amin'ireo bibidian'ny tany. <sup>9</sup> Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahadimy ny Zanak'ondry, dia hitako tao ambany alitara ireo fanahin'ireo izay novonoina noho ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana vavolombelona izay notànan'izy ireo. <sup>10</sup> Nihiaka tamin'ny feo mafy izy ireo hoe: "Mandra-pahoviana, ry Mpanapaka ambonin'ny rehetra, masina sy marina, no hitsaranao ireo izay miaina eto an-tany, sy hamalianao faty ny ràny?" <sup>11</sup> Dia nomena akanjola avy tamin'izy ireo, ary notenenina izy ireo fa tokony hiandry kelikely mandra-pahazoana ny isa fenon'ireo mpiara-manompon'izy ireo sy ireo rahalahy sy anabavin'izy ireo izay tokony hovanoina izy ireo, toy ny namonoana azy ireo. <sup>12</sup> Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahaenina ny Zanak'ondry, dia nijery aho ary nisy horohoron-tany lehibe. Lasa mainty toy ny lamba fisaonana ny masoandro, ary ny volana fenomanana dia lasa toy ny rà. <sup>13</sup> Ireo kintana teny amin'ny lanitra dia nianjera tety an-tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta rehefa ahetsiky ny rivotra mahery. <sup>14</sup> Ny lanitra dia nanjavona toy ny horonan-taratasy izay naorongorona. Ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra dia nesorina teo amin'ny toerany. <sup>15</sup> Avy eo ireo mpanjakan'ny tany sy ny olona manan-danja, sy ireo jeneraly, ny mpanan-karena, ny mahery, ary ny hafa rehetra, andevo sy afaka, niafina tao anatin'ireo lava-bato sy tamin'ireo vatolampin'ny tendrombohitra. <sup>16</sup> Niteny tamin'ireo tendrombohitra sy tamin'ireo vatolampy izy ireo hoe: "Mianjerà aminay! Afeno amin'ny tavan'ilay iray izay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry izahay. <sup>17</sup> Fa Tonga ny andro lehiben'ny fahatezeran'izy ireo. Iza no hahavita hiharitra?"

### Revelation 6:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia manohy ny famaritana ireo tranga izay niseho talohan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Manomboka manokatra ireo tombo-kasen'ny horonan-taratasy ny Zanak'Ondry.

#### Avia!

Baiko iray ho an'ny olona iray izany, mety hoe ilay mpitaingin-tsoavaly fotsy izay resahina ao amin'ny andininy faha-2 izany.

#### nomena satro-boninahitra izy

Tahaka ny fehiloha vita amin'ny sampan'oliva na ravin-javatra, notefena tamin'ny volamena. Ny satro-boninahitra tahaka izany, vita tamin'ny ravina, dia nomena ireo atleta mpandresy mba hatao eo amin'ny lohan'izy ireo. DH: "nandray satro-boninahitra Izy" na "Andriamanitra nanome satro-boninahitra Azy"

#### satro-boninahitra

Fehiloha vita amin'ny sampan'oliva na ravin-javatra tahaka ny fehiloha raisin'ireo atleta mpandresy tamin'ny andron'i Jaona.

### Revelation 6:3

#### ny tombo-kase faharoa

"ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase laharana faharoa"

#### ny zava-manan'aina faharoa

"ny zava-manan'aina manaraka" na "ny zava-manan'aina laharana faharoa"

#### mirehitra mena

"mirehitra mena tahaka ny afo" na "namiratra mena"

#### Ny mpitaingina izany no nomena alalana

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanome alalana ilay mpitaingina" na "nandray olona ny mpitaingina azy"

**Io mpitaingina io dia nomena sabatra lehibe**  
 "Io mpitaingina io dia nandray sabatra lehibe" na  
 "Andriamanitra dia nanome sabatra lehibe an'io  
 mpitaingina io"

### Revelation 6:5

**ny tombo-kase fahatelo**  
 "ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase  
 laharana fahatelo"

**ny zava-manan'aina fahatelo**  
 "ny zava-manan'aina manaraka" na "ny zava-  
 manan'aina laharana fahatelo"

**mizàna**  
 fitaovana fandanjana zavatra

**Ny vary eran'ny fatram-bary ho an'ny denaria iray**  
 Ireo fiteny hafa dia mety hampiasa ny matoanteny  
 hoe "mitentina" na "mividy" amin'ity fehezanteny  
 ity. DH: "Ny vary eran'ny fatram-bary dia mitentina  
 denaria iray" na "Mividianana vary eran'ny fatram-  
 bary amin'ny denaria iray" Tena kely ho an'ny olon-  
 drehetra ny vary, ka ambony be ny vidiny.

**eran'ny fatram-bary**  
 Izany dia maneho ny fatra izay eo amin'ny iray  
 litatra eo. DH: "iray litatra" na "iray lovia"

**denaria iray**  
 Vola izay mitentina ny karama indray andro. DH:  
 "volafotsy iray" na "karama amin'ny iray andro"

**Fa aza manimba ny menaka sy ny divay**  
 Raha simba ny menaka sy ny divay, dia lasa kely no  
 afaka vidin'ny olona, ary hiakatra ny vidin'ireo.

**ny menaka sy ny divay**  
 Maneho ny menaka oliva sy vokatry ny voaloboka.

### Revelation 6:7

**ny tombo-kase fahefatra**  
 "ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase  
 laharana fahefatra"

**ny zava-manan'aina fahefatra**  
 "ny zava-manan'aina manaraka" na "ny zava-  
 manan'aina laharana fahefatra"

**hatsatra**  
 "volon-davenona." Izany dia lokona olona maty, ka  
 ny lokony dia mariky ny fahafatesana.

**ampaha-efatry ny tany**  
 Ny tany eto dia maneho ny olona eto an-tany. DH:  
 "ampaha-efatry" ny olona eto an-tany"

**ny sabatra**  
 Ny sabatra dia fitaovam-piadiana, ary eto izany dia  
 maneho ny ady.

**ary amin'ireo bibidian'ny tany**  
 Izany dia midika fa ny Fahafatesana sy ny Fiainan-  
 tsy hita dia hahatonga ireo bibidia hamely sy  
 hamono ny olona.

### Revelation 6:9

**ny tombo-kase fahadimy**  
 "ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase  
 laharana fahadimy"

**ireo izay novonoina**  
 Afaka atao hoe: "ireo izay novonoin'ny hafa"

**ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana vavolombelona**  
 Ireo mety ho dikany: 1) ny fijoroana vavolombelona  
 dia ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra  
 amin'ny fahamarinan'ny teniny, na 2) ny fijoroana  
 vavolombelona dia ny fijoroana vavolombelon'ireo  
 mpino amin'ny fahamarinan'ny  
 tenin'Andriamanitra.

**izay notànan'izy ireo**  
 Ny finoana ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana  
 vavolombelona dia resahina toy ny hoe zavatra izay  
 afaka tazomin'ny tanana iray. DH: "izay hinoan'izy  
 ireo"

**sy hamalianao faty ny ràny**  
 Ny teny hoe: rà eto dia maneho ny fahafatesan'izy  
 ireo. DH: "manasazy ireo izay namono anay"

**mandra-pahazoana ny isa feno ... ireo izay tokony  
 hovanoina**  
 Izany dia maneho fa Andriamanitra dia nandray  
 fanapahan-kevitra fa ny olona sasany dia tokony ho  
 voavonon'ireo fahavalon'izy ireo.

**ireo mpiara-manompon'izy ireo sy ireo rahalahy sy  
 anabavin'izy ireo**  
 Izany dia vondron'olona voafaritry amin'ny fomba  
 roa: toy ny mpanompo sy toy ny rahalahy ary toy ny  
 rahavavy. DH: "ireo rahalahin'izy ireo sy ny  
 rahavavin'izy ireo izay manompo an'Andriamanitra  
 miaraka amin'izy ireo" na "ireo mpino mpanaraka  
 azy ireo izay manompo an'Andriamanitra miaraka  
 amin'izy ireo"

**ireo rahalahy sy ireo rahavavy**  
 Ny Kristiana matetika dia resahina toy ny hoe:  
 rahalahy sy rahavavin'ny hafa. DH: "Kristiana  
 mpanaraka" na "mpino mpanaraka"

### Revelation 6:12

**ny tombo-kase fahenina**  
 "ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase  
 laharana fahenina"

**toy ny lamba fisaonana**  
 Matetika ny lamba fisaonana dia vita amin'ny volo  
 mainty. Ny olona dia manao lamba mainty rehefa  
 misaona. Ny sary avoakan'ny lamba fisaonana dia

natao hitarika ny olona mba hihevitra ny fahafatesana sy ny alahelo. DH: "mainty tahaka ny akanjo fisaonana"

**toy ny rà**

Ny sary avoakan'ny rà dia mitarika ny olona mba hihevitra ny fahafatesana. DH: "mena tahaka ny rà"

**toy ny aviavy manintsana ny voany manta rehefa**

**ahetsiky ny rivotra mahery**

"tahaka ny voa mbola tsy matoy be dia be izay mora ahintan'ny rivo-mahery"

**Ny lanitra dia nanjavona toy ny horonan-taratasy izay naorongorona**

Ny lanitra amin'ny ankapobeny dia heverina ho mafy tahaka ny vy, kanefa izao dia malemy tahaka ny taratasy ary mora tatahana sy aorongorona.

**Revelation 6:15**

**ireo jeneraly**

Io teny io dia maneho ireo mpiady izay mibaiko amin'ny ady.

**lava-bato**

lavaka lehibe eny amin'ny havoana

**ny tavan'ilay iray**

Izany dia maneho an'Andriamanitra. Tsy tian'izy ireo ho hitan'Andriamanitra sy ho sazan'Andriamanitra izy ireo.

**ny tava**

Eto ny "tava" dia maneho ny "fisiana"

**Fa Tonga ny andro lehiben'ny fahatezeran'izy ireo**

Ny andron'ny fahatezeran'izy ireo dia maneho ny fotoana izay hanasazian'izy ireo ny olona ratsy fanahy. DH: "izao no fotoana mahatsiravina hanasaziana ny olona"

**Fa Tonga**

Ny ankehitriny izay resahina toy ny hoe efa tonga.

**ny fahatezeran'izy ireo**

Ny "izy ireo" dia maneho an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana sy maneho an'ilay Zanak'Ondry.

**Iza no hahavita hiharitra?**

Ny fahavelomana, na velona, dia resahina toy ny hoe fiaretana. Io fanontaniana io dia ampiasaina mba hanehoana ny alahelo lehibe sy tahotr'izy ireo fa tsy hisy na iza na iza ho velona rehefa hanasazy azy ireo Andriamanitra. DH: "Tsy hisy na iza na iza ho velona"



## Chapter 7

<sup>1</sup> Taorian'izany dia nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny zoro tany efatra aho, nanohitra mafy ny rivotra efatry ny tany, mba tsy hisy rivotra hitsoka amin'ny tany, amin'ny ranomasina, na hifanohitra amin'ny hazo rehetra. <sup>2</sup> Nahita anjely hafa aho niakatra avy tany antsinanana, izay nanana ny tombo-kasen'Andriamanitra velona. Nihika tamin'ny feo mafy tamin'ireo anjely efatra izay nahazo alalana hanimba ny tany sy ny ranomasina izy hoe: <sup>3</sup> "Aza simbana ny tany, ny ranomasina, na ireo hazo mandrapanisintsika ny tombo-kase eo amin'ny handrin'ireo mpanompon'Andriamanitsika." <sup>4</sup> Nahare ny isan'ireo izay voatombo-kase aho: 144, 000, no voatombo-kase avy tamin'ny fokon'ny olon'israely rehetra: <sup>5</sup> Roa arivo sy iray alina no voatombo-kase avy tamin'ny fokon'i Joda, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Robena, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Gada, <sup>6</sup> roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Asera, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Naftaly, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Manase. <sup>7</sup> roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Simeona, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Levy, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Isakara, <sup>8</sup> roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Zebolona, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Josefa, ary roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Benjaminina no voatombo-kase. <sup>9</sup> Taorian'ireo zavatra ireo dia nijery aho, ary nisy olona maro be izay tsy tambo isaina--- avy tamin'ny firenena, foko, olona, ary fiteny rehetra--- nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anoloan'ny Zanak'ondry. Nanao ankajo lava fotsy sy mitana sampan-drofia teny amin'ny tanan'izy ireo, <sup>10</sup> ary niantso mafy tamin'ny feo mahery izy ireo nanao hoe: "Ny famonjena dia an'Andriamanitsika izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy an'ny Zanak'ondry!" <sup>11</sup> Ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza fiandrianana sy manodidina ireo loholona sy ny zava-manan-aina efatra, ary izy ireo dia nampiankohoka ny tavan'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana. Nivavaka tamin'Andriamanitra izy ireo <sup>12</sup> nanao hoe: "Amena! Dera, voninahitra, fahendrena, fisaorana, fahefana, ary ny hery anie ho an'Andriamanitsika mandrakizay doria! Amena!" <sup>13</sup> Avy eo ny iray tamin'ireo loholona nanontany ahy hoe: "Iza ireo, mitafy akanjolava fotsy, ary avy aiza izy ireo?" <sup>14</sup> Hoy aho taminy: "Tompoko, Ianao mahafantatra," ary hoy izy tamiko: "Ireo no hivoaka avy amin'ny Fahoriana Lehibe. Nosasan'izy ireo ny akanjolavany ary nofotsiana tamin'ny ran'ny Zanak'ondry. <sup>15</sup> Noho izany antony izany, dia eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra izy ireo, sy mivavaka aminy andro aman'alina ao amin'ny tempoliny. Ny iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana dia hamelatra ny lainy amin'izy ireo. <sup>16</sup> Tsy ho noana intsony izy ireo, na hangetaheta indray. Tsy hamely azy ny masoandro, na ny hafanana mandoro. <sup>17</sup> Fa ny Zanak'ondry eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho mpiandry azy ireo sy hitari-dalana azy ireo any amin'ny loharanon'ny rano velona, ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo."

### Revelation 7:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany momba ny mpanompon'Andriamanitra 144,000 izay voamarika tamin'ny tombo-kase. Eo anelanelan'ny Zanak'ondry manokatra ny tombo-kase fahenina sy tombo-kase fahafito izany.

#### ny zoro tany efatra

Ny tany dia resahina toy ny hoe fisaka sy efa-joro tahaka ny taratasy. Ny teny hoe "ny zoro efatra" dia maneho ny avaratra, ny atsimo, ny antsinanana, ary ny andrefana.

#### ny tombo-kasen'Andriamanitra velona

Ny teny hoe: "tombo-kase" eto dia maneho fitaovana izay ampiasaina mba hanindriana marika eo amin'ny tombo-kase. Amin'ity tranga ity ny fitaovana dia ho ampiasaina mba hanindriana marika amin'ny olon'Andriamanitra. DH: "ny marika"

#### mandra-panisintsika ny tombo-kase eo amin'ny handrin'ireo

Ny teny hoe: "tombo-kase" eto dia maneho ny marika. Io marika io dia mampiseho fa an'Andriamanitra ny olona ary hiaro azy ireo Izy. DH: "hanisy marika eo amin'ny handrin'izy ireo"

### Revelation 7:4

#### ireo izay voatombo-kase

Afaka atao hoe: "ireo izay nasian'ny anjelin'Andriamanitra marika"

#### 144,000

"Efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy olona"

#### Roa arivo sy iray alina no avy tamin'ny fokon'i Joda

"12,000 olona avy amin'ny foko"

### Revelation 7:7

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Tohin'ny lisitry ny olon'Israely izay voatombo-kase.

**Revelation 7:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany faharoa momba ny fiderana maro be an'Andriamanitra. Vondron'olona samihafa amin'ireo olona 144,000 izay voatombo-kase. Eo anelanelan'ny fanokafan'ny Zanak'Ondry ny tombo-kase fahenina sy tombo-kase fahafito izany.

**olona maro be izay tsy tambo isaina**

"vahoaka maro be tsy tambo isaina" na "olona maro an'isa"

**ankajo lava fotsy**

Eto ny loko "fotsy" dia maneho ny fahadiovana.

**Ny famonjena dia an'ny**

"Ny famonjena dia avy amin'ny "

**Ny famonjena dia an'ny ... ny Zanak'Ondry**

Nidera an'Andriamanitra sy ny Zanak'Ondry izy ireo. Ny teny hoe: "famonjena" dia afaka atao hoe: "mamony." DH: "Ny Andriamanitsika, izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, ary ny Zanak'Ondry izay mamony antsika!"

**Revelation 7:11****ny zava-manan-aina efatra**

Ireo zava-manan'aina efatra izay voatonona ao amin'ny 4:6 ireo.

**nampiankohoka ny tavan'izy ireo**

Niankohoka tamin'ny tany izy ireo

**Dera, voninahitra ... ho an'Andriamanitsika**

"Mendrika ny fiderana rehetra, ny voninahitra, ny fahendrena, ny fisaorana, ny haja, ny hery, ary ny tanjaka ny Andriamanitsika"

**Ny dera, ny voninahitra ... ny fisaorana ... ny haja ... ho an'Andriamanitsika**

Ny hoe: "manolotra" dia afaka ampiasaina eto mba hampisehoana hoe tahaka ny ahoana ny dera, voninahitra, ary ny haja "ho an' " Andriamanitra. DH: "Tsy maintsy manolotra dera, voninahitra, fisaorana, ary haja ho an'Andriamanitsika isika"

**fahendrena, ... fahefana, ary ny hery ... ho an'Andriamanitsika**

"Ny Andriamanitsika dia manana ny fahendrena, ny fahefana, ary ny hery rehetra"

**mandrakizay doria**

Manamafy ireo teny roa ireo fa tsy ho tapitra mandrakizay ny fiderana.

**Revelation 7:13****mitafy akanjo lava fotsy**

Io akanjo fotsy io dia mampiseho fa marina izy ireo.

**hivoaka avy amin'ny Fahoriana Lehibe**

"tsy matin'ny Fahoriana Lehibe" na "niaina tamin'ny Fahoriana Lehibe"

**ny Fahoriana Lehibe**

"fotoanan'ny fijaliana mahatsiravina" na "fotoana hijalian'ny olona fatratra"

**Nosasan'izy ireo ny akanjo lavany ary nofotsiana tamin'ny ràn'ny Zanak'Ondry**

Ny hoe: natao marina tamin'ny alalan'ny ràn'ny Zanak'Ondry eto dia resahina toy ny hoe nanasa ny akanjo lavan'izy ireo tamin'ny ràn'ny. DH: "Natao marina tamin'ny fanasana ny akanjo lava fotsin'izy ireo tamin'ny ràn'ny izy ireo"

**Nosasan'izy ireo ny akanjo lavany ary nofotsiana tamin'ny ràn'ny Zanak'Ondry**

Ny teny hoe: "rà" dia ampiasaina mba hanehoana ny fahafatesan'ny Zanak'Ondry. DH: "Natao marina tamin'ny alalan'ny fanasana ny akanjo lava fotsin'izy ireo tamin'ny fahafatesany izy ireo"

**Revelation 7:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ny loholona dia manohy miresaka amin'i Jaona.

**izy ireo ... amin'izy ireo ... azy ireo**

Ireo rehetra ireo dia maneho ny olona izay tonga tamin'ny Fahoriana Lehibe.

**andro aman'alina**

Ireo andro roa ireo dia ampiasaina miaraka mba hidika hoe: "isan'andro isan'andro" na "tsy misy fitsaharana"

**hamelatra ny lainy amin'izy ireo**

Ny fiarovana azy ireo eto dia resahina toy ny hoe nomeny fialofana izy ireo. DH: "hampialoka azy ireo" na "hiaro azy ireo"

**Tsy hamely azy ny masoandro**

Ny hafanan'ny masoandro dia ampitahaina amin'ny hoe fanasaziana izay hampijaly ny olona. DH: "Tsy handoro azy ireo ny masoandro" na "Tsy hampalemy azy ireo ny masoandro"

**ny Zanak'Ondry eo afovoan'ny seza fiandrianana**

"ny Zanak'Ondry, izay mitsangana eo afovoan'ny faritra manodidina ny seza fiandrianana" na "Ny Zanak'Ondry izay eo amin'ny seza fiandrianana"

**Fa ny Zanak'Ondry ... no ho mpiandry azy ireo**

Ny loholona dia miresaka momba ny fikarakaran'ny Zanak'Ondry ny olony toy ny hoe fikarakaran'ny mpiandry ondry ny ondriny. DH: "Fa ny Zanak'Ondry ... hikarakara azy ireo toy ny mpiandry ondry mikarakara ny ondriny"

**hitari-dalana azy ireo any amin'ny loharanon'ny rano velona**

Ny loholona dia miresaka hoe inona no manome fiainana toy ny hoe loharanon'ny rano velona. DH: "hitari-dalana azy ireo tahaka ny mpiandry ondry mitarika ny ondriny ho any amin'ny rano velona izy" na "hitarika azy ireo ho any amin'ny fiainana tahaka

ny mpiandry ondry mitarika ny ondriny ho any amin'ny rano velona izy"

**hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo**

Ny ranomaso eto dia maneho alahelo. DH: "Andriamanitra dia hamafa ny alahelon'izy ireo, tahaka ny famafana ranomaso" na "Andriamanitra hanao azy ireo tsy malahelo intsony"

## Chapter 8

<sup>1</sup> Rehefa novahan'ilay Zanak'ondry ny tombo-kase fahafito, dia nisy fahanginana tany an-danitra teo amin'ny antsasaka ora teo. <sup>2</sup> Avy eo dia hitako ireo anjely fito izay nitsangana teo anoloan'Andriamanitra, ary nomena trompetra fito izy ireo. <sup>3</sup> Nisy anjely hafa tonga, nitazona lovia volamena fandroana ditin-kazo manitra, nitsangana teo ambonin'ny alitara. Ditin-kazo manitra maro no nomena azy mba hanolorany izany mbamin'ny vavaky ny mpino rehetra eo ambonin'ny alitara volamena fandroana ditin-kazo manitra eo anoloan'ny sezam-boninahitra. <sup>4</sup> Ny setrok'ilay ditin-kazo manitra, mbamin'ny vavak'ireo mpino, dia niakatra teo anoloan' Andriamanitra avy amin'ny tanan'ny anjely. <sup>5</sup> Naka ilay lovia fandroana ditin-kazo manitra ilay anjely ary nameno izany tamin'ny afo avy eo amin'ny alitara. Avy eo natsipiny tamin'ny tany izany, ary nisy kotro-baratra, kotroka, tselatra, ary horohoron-tany. <sup>6</sup> Ireo anjely fito izay nanana ireo trompetra fito dia niomana hitsoka izany. <sup>7</sup> Nitsoka ny trompetrany ilay anjely voalohany, ary nisy havandra sy afo mifangaro rà. Natsipy tety an-tany izany mba ho may ny ampahatelon'izany, may ny ampahatelon'ny hazo, ary may avokoa ireo ahi-maitso. <sup>8</sup> Nitsoka ny trompetrany ilay anjely faharoa, ary nisy zavatra toy ny tendrombohitra lehibe nirehitra'afy natsipy tany an-dranomasina. Lasa rà ny ampahatelon'ny ranomasina, <sup>9</sup> maty ny ampahatelon'ny zava-manan'aina tao an-dranomasina, ary rava ny ampahatelon'ireo sambo. <sup>10</sup> Nitsoka ny trompetrany ilay anjely fahatelo, ary nisy kintana lehibe nilatsaka avy any an-danitra, mirehitra toy ny fanilo, tamin'ny ampahatelon'ireo ony sy loharano. <sup>11</sup> Zava-mangidy no anaran'ilay kintana. Lasa nangidy ny ampahatelon'ilay rano, ary olona maro no maty tamin'ilay rano izay lasa nangidy. <sup>12</sup> Nitsoka ny trompetrany ilay anjely faha-efatra, ary niova ny ampahatelon'ny masoandro, toy ny ampahatelon'ny volana sy ny ampahatelon'ireo kintana. Noho izany dia lasa mainty ny ampahatelon'ireo; tsy nisy hazavana ny ampahatelon'ny andro sy ny ampahatelon'ny alina. <sup>13</sup> Nijery aho, ary nandre voro-mahery izay nanidina teny afovoan'ny lanitra, niantso tamin'ny feo mafy hoe: "Loza, loza, loza, ho an'ireo izay monina eny amin'ny tany, nohon'ny feona trompetra sisa izay efa ho tsofin'ireo anjely telo."

### Footnotes

8:7 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha dia manala ny hoe: "mba ho may ny ampahatelon'izany."

### Revelation 8:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny Zanak'Ondry nanokatra ny tombo-kase fahafito.

#### ny tombo-kase fahafito

Io no farany indrindra amin'ny tombo-kase fito eo amin'ny horonan-taratasy. DH: "ny tombo-kase manaraka" na "ny tombo-kase farany" na "ny tombo-kase laharana fahafito"

#### ary nomena trompetra fito izy ireo

Nomena trompetra tsirairay avy izy ireo. Ireo mety ho dikany: 1) "Andriamanitra nanome azy ireo trompetra fito" na 2) "ilay Zanak'Ondry nanome azy ireo trompetra fito"

### Revelation 8:3

#### mba hanolorany izany

"mba hanolorany ny ditin-kazo manitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandorana izany"

#### ny tanan'ny anjely

Izany dia maneho ny lovia eny an-tanan'ilay anjely. DH: "ny lovia eny an-tanan'ilay anjely"

#### nameno izany tamin'ny afo

Ny teny hoe: "afo" eto dia mety hoe maneho arina mirehitra. DH: "nameno izany tamin'ny arina mirehitra" na "nameno izany tamin'ny arina afo"

### Revelation 8:6

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ireo anjely fito nampaneno ireo trompetra fito tamin'ny fotoana iray.

#### Natsipy tety an-tany izany

Afaka atao hoe: "Ilay anjely nanipy havandra sy afo mifangaro amin'ny rà tety an-tany"

#### mba ho may ny ampahatelon'izany, may ny

ampahatelon'ny hazo, ary may avokoa ireo ahi-maitso  
Afaka atao hoe: "nandoro ny ampahatelon'ny tany, ny ampahatelon'ny hazo, ary ny ampahatelon'ny ahi-maitso"

**Revelation 8:8****ilay anjely faharoa**

"Ny anjely manaraka" na "Ilay anjely laharana faharoa"

**zavatra toy ny tendrombohitra lehibe nirehitr'afo natsipy**

Afaka atao hoe: "ilay anjely nanipy zavatra toy ny tendrombohitra lehibe nirehitr'afo"

**Lasa rà ny ampahatelon'ny ranomasina**

"Toy ny hoe nizara ampahany telo izany ny ranomasina, ary ny iray amin'ireo ampahany ireo dia lasa rà"

**Lasa rà**

Ireo mety ho dikany: 1) "tonga mena tahaka ny rà" na 2) tena lasa rà.

**maty ny ampahatelon'ny zava-manan'aina tao an-dranomasina**

"Toy ny hoe nizara vondrona telo ny zava-manan'aina rehetra tao an-dranomasina, ary ny zava-manan'aina rehetra tao amin'ny vondrona iray dia maty avokoa."

**ny zava-manan'aina tao an-dranomasina**

"ireo zavatra miaina ao anaty ranomasina" na "ireo hazan-drano sy biby hafa izay miaina ao anaty ranomasina"

**Revelation 8:10****kintana lehibe nilatsaka avy any an-danitra, mirehitra toy ny fanilo**

"kintana lehibe izay nirehitra toy ny fanilo nilatsaka avy eny amin'ny lanitra." Ny afo sy ny kintana lehibe dia mitovitovy endrika amin'ny afon'ny fanilo.

**Zava-mangidy no anaran'ilay kintana**

Zava-mangidy izay tsilo mangidy. Ny olona dia manao fanafody amin'izany, kanefa izy ireo dia mino fa poizina izany. DH: "Ny anaran'ilay kintana dia Fanafody Mangidy"

**Lasa nangidy**

Ilay rano mangidy dia resahina toy ny hoe zava-mangidy. DH: " tonga nangidy tahaka ny zava-mangidy" na "lasa nangidy"

**maty tamin'ilay rano izay lasa nangidy**

"maty rehefa nisotro an'ilay rano mangidy"

**Revelation 8:12****ary niova ny ampahatelon'ny masoandro**

Ny zavatra ratsy izay mitranga amin'ny masoandro dia resahina toy ny hoe: mamely izany. DH: "Andriamanitra nanova ny ampahatelon'ny masoandro"

**Noho izany dia lasa mainty ny ampahatelon'ireo**

Ireo mety ho dikany: 1) "ny ampahatelon'ny andro dia niha-maizina izy ireo" na 2) "ny ampahatelon'ny masoandro, ny ampahatelon'ny volana, ary ny ampahatelon'ireo kintana dia niha-maizina"

**tsy nisy hazavana ny ampahatelon'ny andro sy ny ampahatelon'ny alina.**

"tsy nisy hazavana nandritra ny ampahatelon'ny andro sy ny ampahatelon'ny alina" na "tsy nipoaka nandritra ny ampahatelon'ny andro sy ny ampahatelon'ny alina"

**Revelation 8:13****nohon'ny feona trompetra sisa ... anjely**

Afaka atao hoe: "satria ireo anjely telo izay mbola tsy nitsoka ny trompetran'izy ireo dia eo an-dalam-pitsofana izany"

## Chapter 9

<sup>1</sup> Nampaneno ny trompetrany ny anjely fahadimy. Nahita kintana avy any an-danitra aho izay nianjera teny amin'ny tany. Ilay kintana no nomena ny fanalahidin'ilay lavaka tsy hita noanoa. <sup>2</sup> Nosokafany ilay lavaka tsy hita noanoa, ary niakatra ny setroka nivoaka tao amin'ny lavaka toy ny setroka avy amin'ny lafaoro lehibe. Nivadika maloka ny masoandro sy ny rivotra nohon'ny setroka nivoaka tao an-davaka. <sup>3</sup> Avy amin'ny setroka no nahatongavan'ireo valala teto ambonin'ny tany, ary nomena hery tahaka ny an'ny maingoka teto ambonin'ny tany izy ireo. <sup>4</sup> Notenenina izy ireo tsy hanimba ny ahitra teto ambonin'ny tany na ireo zava-maniry maitso na hazo, fa ireo olona izay tsy manana tombo-kasen'Andriamanitra eo amin'ny handrin'izy ireo ihany. <sup>5</sup> Tsy nahazo alalana ny hamono ireo olona ireo izy ireo, fa hampijaly azy ireo mandritra ny dimy volana ihany. Ny fanaintainan'izy ireo dia ho toy ny tsindron'ny maingoka rehefa mamely olona. <sup>6</sup> Amin'ireo andro ireo dia hitady fahafatesana ny olona, fa tsy hahita izany. Haniry ny ho faty mafy izy ireo, nefa handositra azy ireo ny fahafatesana. <sup>7</sup> Toy ny soavaly nomanina tamin'ny ady ireo valala. Tamin'ny lohan'izy ireo dia nisy zavatra toy ny satro-boninahitra volamena, ary ny tavan'izy ireo dia toy ny tavan'olombelona. <sup>8</sup> Nanana volo toy ny volom-behivavy izy ireo, ary ny nifin' izy ireo dia toy ny nifin'ny ireo liona. <sup>9</sup> Nanana fiarovan-tratra toy ny fiarovan-tratra vy izy ireo, ary ny feon'ny elatr'izy ireo dia toy ny feon'ny kalesy sy soavaly maro mihazakazaka ho any amin'ny ady. <sup>10</sup> Nanana rambo nisy fanindromana toy ny maingoka izy ireo; ao amin'ny rambon'izy ireo no misy ny hery hanimba ny olona mandritra ny dimy volana. <sup>11</sup> Nanana mpanjaka izy ireo dia ilay anjelin'ilay lavaka tsy hita noanoa. Ny anarany tamin'ny teny Hebreo dia Abadona, ary ny anarany tamin'ny teny grika dia i Apolyona. <sup>12</sup> Lasa ny loza voalohany. Indro! aorian'izao dia mbola hisy loza roa ho avy. <sup>13</sup> Nampaneno ny trompetrany ilay anjely fahaenina, ary naheno ny feo nivoaka tamin'ny tandroky ny alitara volamena izay efa nisy teo anatrehan'Andriamanitra aho. <sup>14</sup> Ary niteny tamin'ilay anjely fahaenina ilay feo manao hoe: "Avotsory ireo anjely efatra izay mifatotra any amin'ilay renirano lehiben' ny Eofrata." <sup>15</sup> Ireo anjely efatra izay efa nomanina tamin'izany ora izany, izany andro izany, izany volana izany, ary izany taona izany, dia navotsotra mba hamono ny ampahatelon'ny olombelona. <sup>16</sup> Ny isan'ireo miramila nitaingin-tsoavaly dia 200, 000, 000. Naheno ireo isa ireo aho. <sup>17</sup> Toy izany no fomba nahitako ireo soavaly tao amin'ny fahitako sy ireo izay nitaingina teo amin'izy ireo: Ireo fiarovan-tratran'izy ireo dia mirehitra mena, manga antitra ary solifara mavo. Nitovy tamin'ny lohan'ireo liona ny lohan'ireo soavaly, ary ny nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo dia afo, setroka, ary solifara. <sup>18</sup> Ary ny ampahatelon'ireo olona dia matin'ireo loza telo: ny afo, ny setroka, ary ny solifara izay nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo. <sup>19</sup> Fa ny herin'ireo soavaly dia avy tao amin'ny vavan'izy ireo sy tamin'ny rambon'izy ireo - fa ny rambon'izy ireo dia toy ny bibilava, ary nanana loha izay afaka mandratra olona izy ireo. <sup>20</sup> Ny ambin'ireo olombelona, ireo izay tsy matin'ireo loza ireo, dia tsy nibebaka tamin'asa izay vitan'izy ireo, na nijanona nanompo ireo demony sy sampy volamena, volafotsy, varahana, vato, ary hazo- ireo zavatra izay tsy hita maso, re, na mandeha. <sup>21</sup> Izy ireo dia mbola tsy nibebaka tamin'ny asa famonoana, ny famosavian'izy ireo, ny fijangajangana na ireo asa fangalaran'izy ireo.

### Revelation 9:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ny anjely fahadimy amin'ireo anjely fito dia manomboka mitsoka ny trompetrany.

**Nahita kintana avy any an-danitra aho izay nianjera**  
Jaona dia nahita ilay kintana rehefa avy nilatsaka izany. Tsy nahita izany nianjera izy.

**ny fanalahidin'ilay lavaka tsy hita noanoa**  
"ny fanalahidy izay mamoha ny lavaka tsy hita noanoa"

**ilay lavaka tsy hita noanoa**  
Ireo mety ho dikany: 1) "lavaka" dia fomba iray hafa hanehoana ny lava-drano ary mamaritra izany ho

lava sy tery, na 2) "lavaka" izay maneho ny vavan'ny lava-drano.

#### toy ny setroka avy amin'ny lafaoro lehibe

Lafaoro lehibe izay mamoka setroka be matevina, sy mainty. DH: "tahaka ny setroka be izay avy amin'ny lafaoro lehibe"

### Revelation 9:3

#### ireo valala

andiam-balala izay hatahoran'ny olona satria mihinana ny ravina rehetra eny an-jaridaina sy eny amin'ny hazo.

#### hery tahaka ny an'ny maingoka

Ny maingoka dia afaka manindrona ary manapoizina ny biby hafa na ny olona. DH:

"fahaizana manindrona olona tahaka ny ataon'ny maingoka"

#### **ny maingoka**

biby kely izay manana fanindromana misy poizina eo amin'ny rambony. Ny fanindroman'izy ireo dia tena marary tokoa ary ela ny faharetan'ny faharariana.

**Notenenina izy ireo tsy hanimba ny ahitra teto ambonin'ny tany na ireo zava-maniry maitso na hazo**  
Ireo valala tsotra dia fampitahorana mahatsiravina ny olona satria rehefa manao andiam-balala izy ireo, dia mety hihinana ny bozaka sy ny ravin-kazo rehetra. Notenenina tsy hanao izany ireo valala ireo.

#### **fa ireo olona**

Ny teny hoe: "hamotika" na "hamely" dia efa fantatra. DH: "fa hamely ny olona ihany"

#### **tombo-kasen'Andriamanitra**

Ny teny hoe: "tombo-kase" eto dia maneho ny fitaovana fanindriana marika. Amin'ity tranga ity ilay fitaovana dia ampiasaina mba hanindriana marika eo amin'ny olon'Andriamanitra. DH: "Marik'Andriamanitra."

### **Revelation 9:5**

#### **Tsy nahazo alalana izy ireo**

Ny "Izy ireo" dia manondro an'ireo valala. (9:3)

#### **ireo olona ireo**

ny olona izay notsindromin'ireo valala

**Tsy nahazo alalana hamono ireo olona ireo izy ireo, fa hampijaly azy ireo mandritra ny dimy volana ihany**  
Eto ny teny hoe: "nahazo alalana" dia efa fantatra. DH: "fa nahazo alalana hampijaly azy ireo fotsiny ihany"

#### **hampijaly azy ireo**

"hampijaly azy ireo amin'ny fanaintainana mahatsiravina"

**hampijaly azy ireo mandritra ny dimy volana ihany**  
Ireo valala dia avela hanao izany mandritra ny dimy volana.

#### **ny tsindron'ny maingoka**

Ny maingoka dia biby kely izay manana fanindromana manapoizina eo amin'ny rambony. Ilay tsindrona dia mahatonga fanaintainana mafy na fahafatesana mihitsy aza.

#### **hitady fahafatesana ny olona**

Ny fahafatesana dia resahina toy ny hoe zavatra mivaingana izay azon'ny olona iray hiafenana. DH: "ny olona dia hitady lalana hahafatesana" na "hiezkaka hamono ny tenan'izy ireo ny olona"

#### **fa tsy hahita izany**

"tsy hahita fomba hahafatesana izy ireo" na "tsy afaka ny ho faty izy ireo"

#### **Haniry ny ho faty mafy izy ireo**

"te-ho faty tanteraka izy ireo" na "maniry mba ho faty izy ireo"

#### **handositra azy ireo ny fahafatesana**

Jaona dia miresaka ny fahafatesana toy ny hoe afaka hitsoahan'ny olona iray na biby iray. DH: "tsy afaka ny ho faty izy ireo" na "tsy ho faty izy ireo"

### **Revelation 9:7**

#### **Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireo valala dia tsy mitovy amin'ny valala tsotra. Jaona dia mamaritra azy ireo amin'ny filazana ny fitovian'ny rantsan'izy ireo amin'ny zavatra hafa.

#### **ny satro-boninahitra volamena**

Satro-boninahitra izay vita amin'ny rantsan'oliva na ravin-java-maniry, notefena tamin'ny volamena izay apetraka eo amin'ny lohan'ny atleta mpandresy.

### **Revelation 9:10**

#### **Nanana rambo nisy fanindromana toy ny maingoka izy ireo**

Ny teny hoe: "Izy ireo" dia maneho an'ireo valala.

#### **nisy fanindromana toy ny maingoka**

Ny maingoka dia biby kely izay manana fanindromana manapoizina eo amin'ny rambony. Ilay tsindrona dia mahatonga fanaintainana mafy na fahafatesana mihitsy aza.

#### **ao amin'ny rambon'izy ireo no misy ny hery hanimba ny olona mandritra ny dimy volana**

Ireo mety ho dikany: 1) Manana hery hamely ny olona mandritra ny dimy volana izy ireo na 2) afaka manindrona ary mahatonga ny olona manaintaina mafy mandritra ny dimy volana izy ireo.

#### **ilay lavaka tsy hita noanoa**

Lavaka lalina sy tery. Ireo mety ho dikany 1) ny lava-drano dia tsy misy fiavarana; fa miha-midina lalina mandrakizay na 2) lalina tokoa ny lava-drano toy ny hoe tsy misy fiavarana izany.

#### **Abadona ... Apolyona**

Ireo anarana roa ireo dia midika "fahapotehana."

#### **mbola hisy loza roa ho avy**

Ny ho avy dia resahina toy ny hoe ho tonga.

### **Revelation 9:13**

#### **Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay anjely fahenina amin'ireo anjely fito dia manomboka mampaneno ny trompetrany.

**naheno ny feo nivoaka**

Ny feo dia manondro an'ilay iray izay miteny. Jaona dia tsy miteny hoe iza ilay miteny, fa mety hoe Andriamanitra izany. DH: "Nandre olona iray niteny aho"

**tandroky ny alitara volamena**

Tandrok'ondry isaky ny zoro efatra amin'ny tampon'ny altara ireo.

**Niteny ilay feo nanao hoe:**

Ilay feo dia maneho an'ilay miresaka. DH: "Ilay mpiteny nanao hoe"

**Ireo anjely efatra izay efa nomanina ... tamin'izany taona izany, dia navotsotra**

Afaka atao hoe: "Ilay anjely dia namotsitra ireo anjely efatra izay nomanina ... tamin'izany taona izany"

**Ireo anjely efatra izay efa nomanina**

Afaka atao hoe: "Ireo anjely efatra izay nomanin'Andriamanitra"

**tamin'izany ora izany, izany andro izany, izany volana izany, ary izany taona izany**

Ireo teny ireo dia ampiasaina mba hampisehoana fa misy fotoana voafaritra eto. DH: "amin'izany fotoana marina izany"

**Revelation 9:16****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Tampoka teo, dia miaramila 200.000.000 nitaingin-tsoavaly niseho tao amin'ny fahitan'i Jaona. Jaona dia tsy niresaka momba ireo anjely efatra izay voatonona ao amin'ny andininy teo aloha.

**200.000.000**

"roanjato tapitrisa"

**mirehitra mena**

"mirehitra mena tahaka ny afo" na "namiratra mena"

**solifara mavo**

"mavo tahaka ny solifara" na "mamiratra mavo tahaka ny solifara"

**ny nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo dia afo, setroka, ary solifara**

"afo, setroka, ary solifara no nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo"

**Revelation 9:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manohy mamaritra ireo soavaly sy ireo areti-mandringana nentina teo amin'ny olombelona.

**ny ampahatelon'ireo olona**

"ampahatelo"

**Fa ny herin'ireo soavaly dia avy tao amin'ny vavan'izy ireo sy tamin'ny rambon'izy ireo**

Afaka atao hoe: "Fa ny vava sy ny rambon'ireo soavaly no mahery" na "Fa ny vava sy ny rambon'ireo soavaly no afaka mandratra ny olona"

**Revelation 9:20****ireo izay tsy matin'ireo loza ireo**

Afaka atao hoe: "ireo izay novonoin'ireo loza ireo"

**ireo zavatra izay tsy hita maso, re, na mandeha**

Io fehezanteny io dia mampahatsiahy antsika fa ny sampy dia tsy velona ary tsy mendrika ny ho deraina. Fa ny olona dia tsy nijanona nanompo azy ireny. DH: "na dia ny sampy aza tsy hita, tsy heno, ary tsy mandeha"



## Chapter 10

<sup>1</sup> Avy eo aho dia nahita anjely mahery hafa nidina avy any an-danitra. Tao anaty rahona izy, ary nisy avana teo ambonin'ny lohany. Ny tarehiny dia miendrika masoandro ary ny tongony dia tahaka ny andry afo. <sup>2</sup> Mitazona horonan-taratasy kely mivelatra amin'ny tanany izy, ary mametraka ny tongony havanana amin'ny ranomasina sy ny tongony havia amin'ny tany. <sup>3</sup> Avy eo izy dia nihiaka tamin'ny feo mafy tahaka ny fieron'ny liona. Rehefa nihiaka izy, dia nikotroka mafy tamin'ny feony ny kotroka fito. <sup>4</sup> Rehefa nikotroka ny kotroka fito, dia teo andalam-panoratana aho, fa nandre feo avy any an-danitra aho niteny hoe: "Tazomy ho tsiambaratelo izay nolazain'ny kotroka fito. Aza soratana izany." <sup>5</sup> Avy eo ilay anjely hitako nitsangana teo ambony ranomasina sy teo amin'ny tany, nanandratra ny tanany havanana tany an-danitra. <sup>6</sup> Izy nianiana tamin'ilay iray izay velona mandrakizay doria, izay namorona ny lanitra sy izay rehetra ao anatin'izany, ny tany sy izay rehetra ao anatin'izany, ary ny ranomasina sy izay rehetra ao anatin'izany, ary ilay anjely niteny hoe: "Tsy hisy fiandrasana intsony. <sup>7</sup> Fa amin'ny andro iray rehefa hampaneno ny trompetrany ny anjely fahafito, dia ho tanteraka ny misterin'Andriamanitra, tahaka ny nanambarany tamin'ireo mpaminany mpanompony." <sup>8</sup> Ilay feo izay reko avy any an-danitra niteny tamiko indray hoe: "Mandehana, alaivo ilay horonan-taratasy mivelatra izay eny an-tanan'ilay anjely mitsangana eo ambony ranomasina sy ambonin'ny tany." <sup>9</sup> Avy eo dia lasa nankany amin'ilay anjely aho ary niteny taminy mba hanome ahy ilay horonan-taratasy kely. Hoy izy tamiko: "Raiso ny horonan-taratasy ary hano izany. Hampangidy ny ao an-kibonao izany, fa ao am-bavanao dia ho mamy tahaka ny tantely izany." <sup>10</sup> Nalaiko tamin' ny tanan'ilay anjely ilay horonan-taratasy kely ary nohaniko izany. Mamy tahaka ny tantely tao am-bavako izany, fa taorinan'ny nihinanako azy, dia lasa nangidy ny tao an-kiboko. <sup>11</sup> Avy eo nisy olona iray niteny tamiko hoe: "Tsy maintsy maminany indray ianao momban'ireo olona maro, ireo firenena, ireo fiteny, ary ireo mpanjaka."

### Revelation 10:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitana ilay anjely mahery mitazona ilay horonan-taratasy. Ao amin'ny fahitan'i Jaona izy dia mahita izay miseho avy ety an-tany. Eo anelanelan'ny fitsofana ny trompetra fahenina sy trompetra fahafito izany.

#### Tao anaty rahona izy

Jaona dia miresaka momba ilay anjely toy ny hoe tao anaty rahona izy. Io fiteny io dia sarin-teny. Kanefa, satria ny zavatra tsy mahazatra dia miseho matetika amin'ny fahitana, dia ara-bakiteny no ahafantarana ny foto-kevitra.

#### Ny tarehiny dia miendrika masoandro

"ny endriny dia namiratra tahaka ny masoandro"

#### mametraka ny tongony havanana amin'ny ranomasina sy ny tongony havia amin'ny tany

"mitsangana amin'ny tongony havanana eo amin'ny ranomasina izy ary mitsangana amin'ny tongony havia eo amin'ny tany"

### Revelation 10:3

#### Avy eo izy dia nihiaka

"Avy eo dia nihiaka ilay anjely"

#### nikotroka mafy tamin'ny feony ny kotroka fito

Ny kotroka dia faritana toy ny hoe misy olona iray izay miteny. DH: "mafy dia mafy ny feon'ny kotroka" na "naneno mafy dia mafy im-pito ny kotroka"

#### kotroka fito

Ny kotroka izay naneno im-pito dia resahina toy ny hoe nisy "kotroka" samihafa.

#### fa nandre feo avy any an-danitra aho

Ny teny hoe: "feo" dia manondro an'ilay mpiteny. Tsy ilay anjely io. DH: "fa nandre olona iray niteny avy any an-danitra aho"

### Revelation 10:5

#### nanandratra ny tanany havanana tany an-danitra

Nanao izany izy mba hampisehoana fa nianiana tamin'Andriamanitra Izy.

#### Izy nianiana tamin'ilay iray izay velona mandrakizay doria

"ary nangataka an'ilay iray izay velona mandrakizay doria mba hanamafy izany"

#### ilay iray izay velona mandrakizay doria

Eto "ilay iray" dia maneho an'Andriamanitra.

#### Tsy hisy fiandrasana intsony

"Andriamanitra tsy hampiandry."

#### ho tanteraka ny misterin'Andriamanitra

Afaka atao hoe: "Andriamanitra hanatanteraka ny misteriny" na "hanatanteraka ny drafitra miafina Andriamanitra"

## Revelation 10:8

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia nandre ilay feo avy any an-danitra, izay reny tao amin'ny 10:3, dia niteny taminy indray.

### Ilay feo izay reko avy any an-danitra

Ny teny hoe: "feo" dia maneho an'ilay miteny. DH: "Ilay iray izay reko niteny avy an-danitra" na "Ilay iray izay niteny tamiko avy any an-danitra"

### aho

Ny hoe: "aho" dia manondro an'i Jaona.

### Hoy izy tamiko

"Hoy ilay anjely tamiko"

### mangidy

"marikivy." Izany dia maneho ny tsiro ratsy avy ao an-kibo aorian'ny fihinanana zavatra izay tsy tsara.

### ho mamy tahaka ny tantely izany

"ho mamy tahaka ny tantely ny tsiron'izany"

## Revelation 10:10

### ireo fiteny

Izany dia maneho ireo olona izay miteny amin'ny fitenin'izy ireo. DH: "fiteny maro samihafa" na "vondron'olona maro izay miteny amin'ny fitenin'izy ireo" na "mpiteny fiteny maro"

## Chapter 11

<sup>1</sup> Nomena volotara mba ampiasaina tahaka ny tehina aho. Nolazaina tamiko hoe: "Mitsangàna ary refeso ny tempolin'Andriamanitra sy ny alitara, ary ireo izay mivavaka ao." <sup>2</sup> Fa aza refesina ny kianja eo ivelan'ny tempoly, fa nomena an'ireo Jentilisa izany. Hanitsaka ny tanàna masina mandritry ny roa amby efapolo volana izy ireo. <sup>3</sup> Homeko ireo vavolombeloko roa ny fahefana haminany mandritry ny 1, 260 andro, nitafy lamba fisaonana." <sup>4</sup> Ireo vavolombelona ireo dia hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa izay nitsangana teo anatrehan'ny Tompon'ny tany. <sup>5</sup> Raha misy olona misafidy handratra azy ireo, dia mivoaka afo ny vavan'izy ireo ka hihinana ireo fahavalon'izy ireo. Na iza na iza maniry ny handratra azy ireo dia tsy maintsy hovanoina amin'izany fomba izany. <sup>6</sup> Ireo vavolombelona ireo dia manana fahefana hanidy ny lanitra mba tsy hilatsahan'ny orana mandritry ny andro haminanian'izy ireo. Manam-pahefana izy ireo hanova ny rano ho rà sy hamely ny tany amin'ny karazana loza rehetra na oviana na oviana irian'izy ireo. <sup>7</sup> Rehefa ho vita ny fijoroan'izy ireo vavolombelona, dia miakatra avy any anaty lavaka tsy hita noanoa ilay bibidia hiady hanohitra azy ireo. Handresy azy ireo izy ary hamono azy ireo. <sup>8</sup> Hiampatra eny amin'ny lalan'ny tanàn-dehibe ny fatin'izy ireo (izay antsoina ihany koa hoe Sodoma sy Egypta) izay namantsihana ny Tompon'izy ireo. <sup>9</sup> Hijery ny fatin'izy ireo mandritra ny telo andro sy tapany ny olona, ny foko, fiteny, ary ny firenena rehetra. Tsy ho avelan'izy ireo apetraka ao am-pasana ireo <sup>10</sup> Ireo izay miaina eo ambonin'ny tany dia hifaly amin'izy ireo ary hankalaza. Hifandefa fanomezana mihintsy aza izy ireo satria nampijaly ireo izay miaina ambonin'ny tany ireo mpaminany roa ireo. <sup>11</sup> Fa afaka telo andro sy tapany dia hiditra ao amin'izy ireo ny fofon'aina avy amin'Andriamanitra, ary hijoro amin'ny tongony izy ireo. Hilatsaka amin'ireo izay mahita azy ireo ny tahotra lehibe. <sup>12</sup> Avy eo dia handre feo mahery avy any an-danitra izy ireo miteny azy ireo hoe: "Miakara eto!" Avy eo dia hiakatra ho any an-danitra ao anaty rahona izy ireo, raha mbola mijery tany ireo fahavalon'izy ireo. <sup>13</sup> Amin'izany ora izany dia hisy horohoron-tany mafy, ary hirodana ny ampahafolon'ny tanàna. Fito arivo ny olona ho faty amin'ilay horohorontany, ary ho raiki-tahotra ireo olona sisa tsy maty ary hanome voninahitra an'Andriamanitra ny lanitra. <sup>14</sup> Lasa ny loza faharoa. Indro! tonga faingana ny loza fahatelo. <sup>15</sup> Avy eo dia nampaneno ny trompetrany ny anjely fahafito, ary nisy feo mafy niteny tany an-danitra nanao hoe: "Ho lasa fanjakan'ny Tompontosika sy ny Kristiny ny fanjakan'izao tontolo izao. Izy no hanjaka mandrakizay doria." <sup>16</sup> Avy eo ireo loholona efatra amby roapolo izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianan'izy ireo teo anatrehan'Andriamanitra dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo. Nankalaza an'Andriamanitra izy ireo. <sup>17</sup> Hoy izy ireo: "Manome fisaorana Anao izahay, ry Tompo Andriamanitra Tsitoha, ilay ankehitriny sy taloha, satria naka ny herinao lehibe ianao ary nanomboka nanjaka. <sup>18</sup> Tezitra mafy ireo firenena, kanefa tonga ny fahatezeranao. Tonga ny fotoana hitsarana ny maty sy hamalianao soa ireo mpaminany mpanomponao, ireo izay mpino, sy ireo izay natahotra ny anaranao, na ny tsy manan-danja na ny mahery. Tonga ny fotoana handringananao ireo izay manimba ny tany." <sup>19</sup> Avy eo dia nisokatra ny tempolin'Andriamanitra tany an-danitra ary hita ny fiaran'ny fanekenany ao anatin'ny tempoliny. Nisy tsela-pahazavana, kotroka, kotrokorana, horohorontany, ary havandra vaventy tao.

### Footnotes

11:17 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha dia mivaky hoe: Ny mpanapaka ny rehetra, ilay ankehitriny sy taloha, ary ilay ho avy, fa ny dikan-teny amin'izao fotoana tsy toy izany.

### Revelation 11:1

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany momba ny tehina fandrefesana sy ireo vavolombelona roa izay nankasitrahana'Andriamanitra. Eo anelanelan'ny fitsofana ny trompetra fahenina sy fahafito ihany koa izany no mitranga.

#### Nomena volotara aho

Afaka atao ihany koa hoe: "Nisy olona iray nanome volotara ahy"

#### Nomena volotara aho. Nolazaina tamiko hoe:

Ireo teny hoe: "aho" sy "tamiko" dia maneho an'i Jaona.

#### ary ireo izay mivavaka ao

"ary isao ireo izay mivavaka ao amin'ny tempoly"

**Hanitsaka**

manambany zavatra amin'ny alalan'ny fanitsahana izany

**roa amby efapolo volana**  
"42 volana"

**Revelation 11:3****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Andriamanitra nanohy niresaka tamin'i Jaona.

**nitafy lamba fisaonana**

Azo atao hoe: "mitafy lamba fisaonana marokoroko" na "izy ireo dia hitafy akanjo marokoroko mba hampisehoana fa malahelo mafy izy ireo"

**Ireo vavolombelona ireo dia**

Jaona dia manazava hoe iza ireo vavolombelona ireo.

**Ireo vavolombelona ireo dia hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa**

"Ireo vavolombelona ireo dia aseho amin'ny alalan'ny hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa"

**hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa**

Jaona dia miandry ireo mpamaky hahafantatra momba ireo satria efa taona maro tany aloha no nanoratan'ny mpaminany hafa momba ireo. DH: "ireo hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa izay nolazain'ny soratra masina"

**dia mivoaka afo ny vavan'izy ireo ka hihinana ireo fahavalon'izy ireo**

Satria momba ny tranga izay ho avy izany, dia afaka atao hoe: "hivoaka afo ny vavan'izy ireo ary hihinana ny fahavalon'izy ireo"

**afo ... hihinana ireo fahavalon'izy ireo**

Ny afo mirehitra sy mamono olona dia resahina toy ny hoe misy biby izay hihinana azy ireo. DH: "afo ... hamotika ny fahavalon'izy ireo" na "afo ... handoro tanteraka ny fahavalon'izy ireo"

**Revelation 11:6****hanidy ny lanitra mba tsy hilatsahan'ny orana**

Jaona dia miresaka momba ny lanitra toy ny hoe misy varavarana izay afaka sokafana mba hilatsahan'ny orana ary afaka hidina mba hampijanona ny orana. DH: "hanakana ny filatsahan'ny orana avy any an-danitra"

**hamely ny tany amin'ny karazana loza rehetra**

Jaona dia miresaka momba ny loza toy ny hoe misy tehina izay hamelezan'ny olona iray ny tany. DH: "mba hiteraka karazam-pahoriana hamely ny tany"

**lavaka tsy hita noanoa**

Lavaka lalina sy tery. Ireo mety ho dikany 1) ny lava-drano dia tsy misy fiatarana; fa miha-midina

lalina mandrakizay na 2) lalina tokoa ny lava-drano toy ny hoe tsy misy fiatarana izany.

**Revelation 11:8****ny fatin'izy ireo**

Izany dia maneho ny fatin'ireo vavolombelona anankiroa.

**eny amin'ny lalan'ny tanàn-dehibe**

Ny tanàna dia misy lalana mihoatra ny iray. Toeran'ny olon-drehetra izay afaka hahitan'ny olona azy ireo. DH: "amin'ny lalana iray ao amin'ny tanàn-dehibe" na "eny amin'ny lalam-ben'ny tanàn-dehibe"

**telo andro sy tapany**

"3 andro manontolo sy tapak'andro" na "3,5 andro" na 3 sy 1/2 andro"

**ny Tompon'izy ireo**

Nanombo ny Tompo izy ireo, ary ho faty toa Azy ao amin'io tanàna io.

**Tsy ho avelan'izy ireo hapetraka ao am-pasana ireo**

Marika tsy fanajana izany.

**Revelation 11:10****hifaly amin'izy ireo ary hankalaza**

"hifaly fa maty ireo vavolombelona roa"

**Hifandefa fanomezana mihintsy aza izy ireo**

Mampiseho ny hafalian'ireo olona io fihetsika io.

**satria nampijaly ireo izay miaina ambonin'ny tany ireo mpaminany roa ireo**

Izany no antony nahafaly ny olona amin'ny fahafatesan'ireo vavolombelona roa ireo.

**telo andro sy tapany**

"3 andro manontolo sy tapak'andro" na "3,5 andro" na 3 sy 1/2 andro"

**hiditra ao amin'izy ireo ny fofon'aina avy amin'Andriamanitra**

Ny fahafahana miaina dia resahina toy ny hoe misy zavatra izay afaka miditra ao anatin'ny olona. DH: "Andriamanitra dia hampiaina indray an'ireo vavolombelona roa ka ho velona izy ireo"

**Hilatsaka amin'ireo izay mahita azy ireo ny tahotra lehibe**

Ny tahotra dia resahina toy ny hoe zavatra izay afaka milatsaka eo amin'ny olona. DH: "Ireo izay mahita azy ireo dia hatahotra mafy"

**Avy eo dia handre**

Ireo mety ho dikany: 1) ireo vavolombelona roa dia handre na 2) ny olona dia handre izay lazain'ireo vavolombelona roa.

**feo mahery avy any an-danitra**

Ny teny hoe: "feo" dia maneho an'ilay iray izay miteny. DH: "olona iray niteny mafy tamin'izy ireo avy any an-danitra ary"

**miteny azy ireo**

"miteny an'ireo vavolombelona roa"

**Revelation 11:13****Fito arivo ny olona**

"7.000 ny olona"

**olona sisa tsy maty**

"ireo izay mbola velona"

**hanome voninahitra an'Andriamanitra ny lanitra**

"miteny fa ny Andriamanitra ny lanitra dia be voninahitra"

**Lasa ny loza faharoa**

"Tapitra ny tranga mahatsiravina faharoa."

**Tonga faingana ny loza fahatelo**

DH: "Ho avy tsy ho ela ny loza fahatelo"

**Revelation 11:15****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Manomboka mitsoka ny trompetrany ny anjely farany amin'ireo anjely fito.

**ny anjely fahafito**

Io no anjely farany amin'ireo anjely fito. DH: "ilay anjely farany indrindra" na "anjely laharana fahafito." Jereo ny nandikanao ny "fahafito" ao amin'ny 8:1.

**nisy feo mafy niteny tany an-danitra**

Ny teny hoe: "feo mafy" dia maneho fa miteny mafy ilay miresaka. DH: "Ireo mpiteny any an-danitra dia niteny mafy nanao hoe"

**ny fanjakan'izao tontolo izao**

Eto izany dia maneho ny fahefana hanapaka ny tany. DH: "Ny fahefana hanapaka ny tany"

**izao tontolo izao**

Izany dia maneho ny olon-drehetra eto an-tany. DH: "ny olon-drehetra eto an-tany"

**fanjakan'ny Tompontosika sy ny Kristiny**

Ny teny hoe: "fanjakana" eto dia maneho ny fahefana hanapaka izay an'ny Tompontosika sy ny Kristiny.

**Ho lasa fanjakan'ny Tompontosika sy ny Kristiny ny fanjakan'izao tontolo izao**

"Ny Tompontosika sy ny Kristiny no mpanapaka an'izao tontolo izao ankehitriny"

**Revelation 11:16****loholona efatra amby roapolo**

"loholona 24."

**nampiankohoka ny tenan'izy ireo**

Niankohoka tamin'ny tany izy ireo. Jereo izay nataonao tao amin'ny 4:9.

**Andriamanitra Tsitoha, ilay ankehitriny sy taloha**

Ireo teny ireo dia afaka atao fehezanteny. DH: "Ianao, ry Tompo Andriamanitra, no mpanapaka ny rehetra. Ianao no ilay ankehitriny, ary Ianao no taloha"

**ilay ankehitriny**

"ilay iray izay misy" na "ilay iray izay velona"

**taloha**

"izay efa nisy" na "ilay iray izay velona efa hatramin'izay"

**naka ny herinao lehibe ianao**

Izay nataon'Andriamanitra tamin'ny heriny lehibe dia afaka atao mazava tsara. DH: "Tamin'ny herinao no nandresenao ny olon-drehetra izay nifanandrina taminao"

**Revelation 11:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ireo loholona efatra amby roapolo dia nanohy nidera an'Andriamanitra.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireo teny hoe: "Ianao" sy "-nao" dia maneho an'Andriamanitra.

**tonga ny fahatezeranao**

Afaka atao hoe: "Efa vonona hampiseho ny hatezeranao ianao"

**Tonga ny fotoana**

Afaka atao hoe: "Fotoana marina izao" na "Ankehitriny no fotoana"

**ireo mpaminany, ireo izay mpino, sy ireo izay natahotra ny anaranao**

Io lisitra io dia manazava ny dikan'ny hoe "ireo mpanomponao." Tsy tena hoe vondron'olona telo samihafa ireo. Ireo mpaminany ihany koa dia mpino ary natahotra ny anaran'Andriamanitra. DH: "Ireo mpaminany sy ireo hafa izay mpino dia natahotra ny anaranao"

**Revelation 11:19****ary hita ny fiaran'ny fanekenany ao anatin'ny tempoliny**

Afaka atao hoe: "Nahita ny fiaran'ny fanekenany tao amin'ny tempoliny aho"

**tsela-pahazavana**

Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny tselatra amin'ny fitenim-paritrao rehefa miseho izany.

**kotroka, kotrokorana**

Feo mahery ataon'ny kotroka. Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny feon'ny kotroka amin'ny fitenim-paritrao.

---

## Chapter 12

<sup>1</sup> Famantarana lehibe no hita tany an-danitra: vehivavy nitafy ny masoandro, ary ny volana teo ambanin'ny tongony, ary satro-boninahitra vita tamin'ny kintana roa ambin'ny folo no teo amin'ny lohany. <sup>2</sup> Bevohoka izy, ary nihiaka mafy fa efa ho teraka, ao anatin'ny fihetsehan-jaza. <sup>3</sup> Avy eo nisy famantarana hafa niseho tany an-danitra: Indro! Nisy dragona mena goavam-be izay nanana loha fito sy tandroka folo, ary nisy satro-boninahitra fito teo amin'ireo lohany. <sup>4</sup> Ny rambony dia nifaoka ny ampahatelon'ny kintana tany an-danitra sady nanipy azy ireo teny amin'ny tany. Ilay dragona nijoro teo anoloan'ilay vehivavy izay efa ho teraka, ka rehefa teraka izy, dia afaka handrapaka ny zanany izy. <sup>5</sup> Niteraka zazalahy izy, izay hanapaka ny firenena rehetra miaraka amin'ny tehim-by. Ny zanany dia nalaina an-keriny ho any amin'Andriamanitra sy ho eo amin'ny seza fiandrianany, <sup>6</sup> ary ilay vehivavy dia nandositra nankany an'efitra, izay nisy toerana efa nomanin'Andriamanitra ho azy, koa dia ho voakarakara mandritry ny 1260 andro izy. <sup>7</sup> Ary nisy ady tany an-danitra. Mikaela sy ireo anjeliny dia niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona sy ny anjeliny dia namaly ady. <sup>8</sup> Fa tsy dia natanjaka ilay dragona ka tsy naharesy. Koa tsy nisy toerana ho azy sy ireo anjeliny intsony tany an-danitra. <sup>9</sup> Ilay dragona lehibe— izay menarana fahiny nantsoina hoe devoly na Satana, ilay namitaka an'izao tontolo izao—dia natsipy teny ambonin'ny tany, ary ireo anjeliny dia natsipy niaraka taminy. <sup>10</sup> Avy eo nandre feo mafy avy any an-danitra aho: "Ankehitriny dia tonga ny famonjena, ny hery, ny fanjakan'Andriamanitsika ary ny fahefan'i Kristiny. Fa ny mpiampanga ny rahalahintsika dia natsipy tany ambany, ilay iray izay miampanga azy ireo andro aman'alina eo anatrehan'Andriamanitsika. <sup>11</sup> Izy ireo dia naharesy azy tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry sy tamin'ny teny fijoron'izy ireo vavolombelona, fa tsy nankamamy ny fiainany intsony izy ireo na dia ho faty aza. <sup>12</sup> Noho izany, mifalia, ianareo ry lanitra, sy izay rehetra monina ao aminy. Fa mitandrema ny amin'ny tany sy ny ranomasina satria ny devoly dia nidina teny aminareo. Feno fahatezerana izy, satria fantany fa fotoana fohy sisa no hananany. <sup>13</sup> Rehefa nahafantatra ilay dragona fa nazera tamin'ny tany izy, dia nanenjika ilay vehivavy niteraka zazalahy izy. <sup>14</sup> Fa ilay vehivavy dia nomena elatra roan'ny voromahery lehibe, ka dia afaka nanidina nankany amin'ilay toerana nokarakaraina ho azy tany an'efitra. Io ilay toerana hitsinjovana azy, mandritry ny telo taona sy tapany— mba tsy ho hitan'ilay menarana. <sup>15</sup> Namoaka rano toy ny renirano tamin'ny vavany ilay menarana, izay hifaoka an-dravehivavy. <sup>16</sup> Fa ny tany nanampy an-dravehivavy. Nosokafan'ny tany ny vavany ary dia nateliny ny riaka izay navoakan'ny vavan'ilay dragona. <sup>17</sup> Ary tezitra tamin-dravehivavy ilay dragona ka niala ary nitady ady tamin'ny ambin'ireo taranany, izay mankato ny didin'Andriamanitra ary mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy. <sup>18</sup> Avy eo nitsangana teo ambonin'ny fasiky ny ranomasina ilay dragona.

### Revelation 12:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra an'ilay vehivavy izay miseho ao amin'ny fahitany.

#### Famantarana lehibe no hita tany an-danitra

Afaka atao hoe: "Nisy famantarana lehibe niseho teny an-danitra" na "Izaho, Jaona, dia nahita famantarana lehibe teny an-danitra"

#### vehivavy nitafy ny masoandro

Afaka atao hoe: "vehivavy iray izay nitafy masoandro"

#### satro-boninahitra vita tamin'ny kintana roa ambin'ny folo

Vita tamin'ny rantsan'oliva sy ravin-java-maniry, fa misy kintana roa ambin'ny folo ao anatin'izany.

#### kintana roa ambin'ny folo

"kintana 12"

### Revelation 12:3

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia mamaritra an'ilay dragona izay miseho ao amin'ny fahitany.

#### dragona

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana ny Satana sy ny korontana.

#### Ny rambony dia nifaoka ny ampahatelon'ny kintana

"Niaraka tamin'ny rambony no nifaohany ny ampahatelon'ireo kintana"

### Revelation 12:5

#### hanapaka ny firenena rehetra miaraka amin'ny tehim-by

Ny fanapahana henjana dia resahina toy ny hoe: manapaka amin'ny tehim-by.

**Ny zanany dia nalaina an-keriny ho any amin'Andriamanitra**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia handray faingana ny zanany ho any Aminy"

## Revelation 12:7

**Ary**

Jaona dia mampiasa io teny io mba hanamarika fiatoana hampidirana zavatra hafa izay miseho ao amin'ny fahitany.

**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana an'i Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona ao amin'ny andininy 9

**Koa tsy nisy toerana ho azy sy ireo anjelin'ny intsony tany an-danitra**

"Ka tsy nitoetra tany an-danitra intsony ny dragona sy ny anjelin'ny"

**Ilay dragona lehibe ... dia natsipy teny ambonin'ny tany ... ary ireo anjelin'ny dia natsipy niaraka taminy**  
Afaka atao hoe: "Andriamanitra namoaka Ilay dragona lehibe sy ny anjelin'ny tao an-danitra ary nanefy azy ireo tety an-tany"

**izay menarana fahiny nantsoina hoe devoly na Satana, ilay namitaka an'izao tontolo izao**

Afaka sarahana ireo fampahafantarana ireo aorian'ny fampahafantarana momba ny nanipazana azy ireo tety an-tany. DH: "Ilay dragona dia ilay menarana fahiny izay namitaka an'izao tontolo izao. Izy dia antsoina hoe: devoly na Satana"

## Revelation 12:10

**aho**

Maneho an'i Jaona.

**nandre feo mafy avy any an-danitra aho**

Ny teny hoe: "feo" dia maneho olona iray izay miteny. DH: "Nandre olona iray niteny mafy avy any an-danitra aho"

**Ankehitriny dia tonga ny famonjena, ny hery**

Andriamanitra mamonjy ny olona tamin'ny alalan'ny heriny dia resahina toy ny hoe ny famonjeny ary ny heriny dia zavatra izay ho avy. DH: "Ankehitriny Andriamanitra dia namonjy ny olony tamin'ny alalan'ny heriny"

**tonga**

"nanomboka nisy" na "niseho" na "tena nisy." Tsy hoe tsy mbola nisy akory ireo zavatra ireo taloha, fa ankehitriny Andriamanitra dia manambara amin'izy ireo satria "tonga" ny fotoana hisehoan'izy ireo.

**ny fanjakan'Andriamanitsika ary ny fahefan'i Kristiny**

Ny fanapahan'Andriamanitra sy ny fahefan'i Kristiny dia resahina toy ny hoe ho tonga izy ireo. DH: "Andriamanitra manapaka tahaka ny mpanjaka, ary ny Kristiny dia manana ny fahefana rehetra"

**ny mpiampanga ny rahalahintsika dia natsipy tany ambany**

Ilay dragona io natsipy tany ambany io

**ny rahalahintsika**

Ireo rahalahy mpino dia resahina toy ny hoe rahalahy. DH: "ireo rahalahintsika mpino"

**andro aman'alina**

Ampiasaina miaraka ireo mba hidika hoe: "isan'andro isan'andro" na "tsy misy fitsaharana"

## Revelation 12:11

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nanohy niteny ilay feo mafy avy any an-danitra.

**Izy ireo dia naharesy azy**

"Izy ireo dia naharesy ilay mpiampanga"

**tamin'ny ran'ny Zanak'ondry**

Ny ra dia maneho ny fahafatesany. DH: "satria ny zanak'ondry nandatsaka ny rany ary maty ho azy ireo"

**tamin'ny teny fijoroan'izy ireo vavolombelona**

Ny teny hoe: "fijoroana vavolombelona" dia afaka atao matoanteny hoe "mijoro vavolombelona." Ary izay nijoroan'izy ireo vavolombelona ihany koa dia afaka tenenina mazava tsara. DH: "amin'ny alalan'izay tenenin'izy ireo rehefa mijoro vavolombelona amin'ny hafa momba an'i Jesosy izy ireo"

**na dia ho faty aza**

Ireo mpino dia nilaza ny marina momba an'i Jesosy, na dia fantatr'izy ireo aza fa ireo fahavalon'izy ireo dia mety hamono azy ireo noho izany. DH: "fa mbola nijoro vavolombelona izy ireo na dia nahafantatra aza fa hahafaty azy ireo izany"

**Feno fahatezerana izy**

Ilay devoly dia resahina toy ny hoe daba, ary ny hatezerana dia resahina toy ny hoe zavatra mitsiranoka izay afaka atao ao anatiny. DH: "Tena tezitra mafy izy"

## Revelation 12:13

**Rehefa nahafantatra ilay dragona fa nazera tamin'ny tany izy**

Afaka atao hoe: "Rehefa nahafantatra ilay dragona fa nazeran'Andriamanitra avy any an-danitra sy nalefany tety amin'ny tany izy"



**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana an'i Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona ao amin'ny andininy 9.

**ilay menarana**

Fomba hafa hiantsoana ny dragona.

**Revelation 12:15**

**ilay menarana**

Ilay menarana izay voatonona ao amin'ny 12:7 io

**toy ny renirano**

Nikoriana avy ao am-bavany tahaka ny renirano mikoriana ny rano. DH: "rano be dia be"

**Nosokafan'ny tany ny vavany ary dia nateliny ny riaka izay navoakan'ny vavan'ilay dragona**

Ny tany dia resahina toy ny hoe zavatra velona, ary ny lavaka amin'ny tany dia resahina toy ny hoe misy vava izay afaka misotro ny rano. DH: "Ny lavaka tamin'ny tany nisokatra ary nidina tao amin'ny lavaka ny rano"

**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana ny Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona ao amin'ny andininy 9.

**mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy**

Ny teny hoe: "fijoroana vavolombelona" dia afaka atao matoanteny. DH: "nanohy nijoro vavolombelona momba an'i Jesosy"

## Chapter 13

<sup>1</sup> Ary nahita bibi-dia aho niakatra avy tamin'ny ranomasina. Nanana tandroka folo izany ary loha fito. Teo amin'ny tandrany dia nisy diadema folo, ary teo amin'ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy avy. <sup>2</sup> Ilay bibi-dia izay hitako dia tahaka ny leoparda. Ny tongony dia tahaka ny tongotra bera, ary ny vavany dia tahakan'ny vavan'ny liona. Ilay dragona nanome azy ny heriny, ny seza fiandrianany, ary ny fahefany lehibe hanapaka. <sup>3</sup> Ny lohan'ilay bibi-dia anankiray dia toa efa maty, kanefa sitrana ilay ratra saika nahafaty azy. Ary gaga ny tany rehetra ka nanaraka ilay bibi-dia. <sup>4</sup> Ary dia niankohoka koa teo amin'ilay dragona izy ireo, satria izy no nanome ny fahefany ho an'ny bibi-dia. Niankohoka teo amin'ilay bibi-dia, koa, izy ireo, ary niteny hoe: "Iza no tahakan'ny bibi-dia?" ary "Iza no afaka miady aminy?" <sup>5</sup> Nomena vava izay afaka miteny fireharehana sy fitenenan-dratsy ilay bibi-dia. Nomena alalana izy mba hampihatra fahefana mandritran'ny efatra ambi-efapolo volana. <sup>6</sup> Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an'Andriamanitra ilay bibi-dia: niteny ratsy ny anarany, ny toerana izay honenany ary ireo izay mipetraka ao an-danitra. <sup>7</sup> Navela hiady tamin'ireo mpino ary handresy azy ireo ilay bibi-dia. Ary koa, ny fahefana dia nomena azy manerana ny foko, ny olona, ny fiteny, ary ny firenena rehetra. <sup>8</sup> Hiankohoka eo aminy ireo rehetra izay monina ambonin'ny tany, ireo izay tsy voasoratra anarana, nandritran'ny famoronana izao tontolo izao, ao amin'ny Bokin'ny Fiainana, izay an'ny Zanak'ondry, izay efa novonoina. <sup>9</sup> Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino. <sup>10</sup> Raha misy nalaina babo, dia handeha amin'ny fahababona izy. Raha misy novonoina tamin'ny sabatra, amin'ny sabatra no hamonoana azy. Ity no antso ho an'ny faharetana ary finoana ho an'ireo izay masina. <sup>11</sup> Ary nahita bibi-dia hafa aho niakatra avy tamin'ny tany. Izany dia nanana tandroka roa tahakan'ny zanak'ondry, ary niteny tahakan'ny dragona. <sup>12</sup> Nampihariny avokoa ny fahefana rehetra an'ilay bibi-dia voalohany eo anatrehany, ary ny tany sy ireo izay monina eo aminy dia asainy miankohoka eo amin'ilay bibi-dia voalohany— ilay iray izay sitrana tamin'ny ratra saika nahafaty azy. <sup>13</sup> Nanao fahagagana maro lehibe izy. Nampidina afo avy any an-danitra ho amin'ny tany teo anoloan'ny olona. <sup>14</sup> Tamin'ny alalan'ny famantarana dia nomena alalana anao izany, namitaka an'ireo izay monina ambonin'ny tany izany. Niteny tamin'izy ireo izany mba hanambotra sary ho voninahitry ny bibi-dia izay voatran'ny sabatra nefa velona. <sup>15</sup> Navela asiana aina ny sarin'ny bibi-dia mba ahafahan'ilay sary miteny ary izay rehetra tsy manaiky miankohoka amin'ilay bibi-dia dia novonoina. <sup>16</sup> Nanery ny tsirairay ihany koa izany, na ny kely na ny lehibe, na ny manankarena na ny mahantra, na ny tsy andevo na ny andevo, dia mandray ny marika eo amin'ny tanana ankavanana na oe amin'ny andrina. <sup>17</sup> Tsy hisy olona mahazo mividy na mivarotra mandra-pahazony ny mariky ny bibi-dia, izany dia ny isan'ny fanehoana ny anarany. <sup>18</sup> Izany dia mitaky fahendrena. Raha misy olona manan-tsaina, aoka izy hanisa ny isan'ny bibi-dia. Fa izany dia isan'ny olona. Izany isa izany dia 666.

### Revelation 13:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra ilay bibi-dia izay miseho ao amin'ny fahitany. Ny teny hoe "aho" eto dia mamaritra an'i Jaona.

#### dragona

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana an'i Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona.

#### Ilay dragona nanome azy ny heriny

Ilay dragona nanao an'ilay bibi-dia ho mahery tahaka azy. Tsy very anefa ny heriny tamin'ny fanomezana izany an'ilay bibi-dia.

#### ny heriny ... ny seza fiandrianany, ary ny fahefany lehibe hanapaka

Zavatra telo izay maneho ny fahefany ireo, ary izy ireo miaraka dia manamafy fa lehibe ny fahefany.

#### ny seza fiandrianany

Ny teny hoe: "ny seza fiandrianana" eto dia maneho ny fahefan'ilay dragona hanapaka tahaka ny mpanjaka. DH: "ny fahefany amin'ny maha-mpanjaka azy" na "ny fahefany hanapaka toy ny mpanjaka"

### Revelation 13:3

#### kanefa sitrana ilay ratra saika nahafaty azy

Afaka atao hoe: "Fa ilay ratra dia sitrana"

#### ratra saika nahafaty

"ratra mahafaty." Izany dia ratra mafy ka tonga hatramin'ny fahafatesan'ny olona iray.

#### ny tany rehetra

Ny teny hoe: "ny tany" dia maneho ny olona eo aminy. DH: "ny olon-drehetra ety an-tany"

#### nanaraka ilay bibidia

"nankato an'ilay bibi-dia"

**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana ny Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona. Jereo izay nandikanao izany tao amin'ny 12:3.

**nanome ny fahefany ho an'ny bibi-dia**

"nataony nanana fahefana be toa azy ilay bibi-dia"

**Iza no tahakan'ny bibi-dia?**

Io fanontaniana io dia mampiseho fa nahagaga azy ireo ny momba an'ilay bibi-dia. DH: "Tsy misy na iza na iza mahery tahaka an'ilay bibi-dia!"

**Iza no afaka miady aminy?**

Io fanontaniana io dia mampiseho ny fahatahoran'ny olona ny herin'ilay bibi-dia. DH: "Tsy misy na iza na iza miady amin'ilay bibi-dia ka handresy!"

**Revelation 13:5**

**Nomena vava ilay bibi-dia ... Nomena alalana izy**  
Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanome an'ilay bibi-dia ... Andriamanitra nanome alalana azy"

**Nomena vava izay afaka miteny fireharehana sy fitenenan-dratsy ilay bibi-dia**  
Ny nomena vava dia maneho hoe navela hiteny. DH: "Ilay bibi-dia dia navela hiteny fireharehana sy fitenenan-dratsy"

**efatra ambi-efapolo volana**  
"42 volana"

**miteny fitenenan-dratsy**  
"miteny zavatra tsy manaja momba an'Andriamanitra"

**niteny ratsy ny anarany, ny toerana izay honenany ary ireo izay mipetraka ao an-danitra**  
Ireo fehezanteny ireo dia milaza ny fomba nitenenan'ilay bibi-dia teny ratsy manohitra an'Andriamanitra.

**Revelation 13:7**

**ny fahefana dia nomena azy**  
Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia nanome fahefana an'ilay bibi-dia"

**manerana ny foko, ny olona, ny fiteny, ary ny firenena rehetra**  
Izany dia midika fa ny olona avy amin'ny foko rehetra dia ao anatin'izany. Jereo izay nandikanao ny lisitra ao amin'ny 5:9.

**Hiankohoka eo aminy**  
"Hiankohoka eo amin'ilay biby"

**ireo izay tsy voasoratra anarana ... ao amin'ny Bokin'ny Fiainana**

Io fehezanteny io dia manazava kokoa hoe iza eto an-tany no miankohoka eo amin'ilay bibi-dia. Afaka atao hoe: "ireo izay tsy nosoratan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo ... ao amin'ny Bokin'ny Fiainana"

**nandritran'ny famoronana izao tontolo izao**

"rehefa namorona an'izao tontolo izao Andriamanitra"

**ny Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Kristy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

**izay efa novonoina**

Afaka atao hoe: "izay efa novonoin'ny olona"

**Revelation 13:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ireo andininy ireo dia fiatoana amin'ny fahitan'i Jaona. Eto izy dia manome fampitandremana ny olona izay mamaky ny fitantarany.

**Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino**

Ny fahafahana mihaino dia resahina toy ny hoe manan-tsofina. DH: "Raha manan-tsofina ianao, dia mihainoa"

**Raha misy nalaina babo**

Io fitenenana io dia midika fa efa voatapaka ny hevitra fa alaina ho babo ny olona iray. DH: "Raha mandray fanapahan-kevitra Andriamanitra fa misy olona iray nalaina babo" na "Raha sitrapon'Andriamanitra fa hisy olona iray ho alaina babo"

**Raha misy nalaina babo, dia handeha amin'ny fahababona izy**

Afaka atao hoe: "Raha sitrapon'Andriamanitra ho voababon'ireo fahavalony ny olona sasany"

**dia handeha amin'ny fahababona izy**

Afaka atao hoe: "ho voasambotra izy" na "ho voasambotry ny fahavalo izy"

**Raha misy novonoina tamin'ny sabatra**

Afaka atao hoe: "Raha sitrapon'Andriamanitra ny hamonoan'ny fahavalo amin'ny sabatra ny olona sasany"

**amin'ny sabatra**

Ny sabatra dia maneho ady. DH: "ao anatin'ny ady"

**hamonoana azy**

Afaka atao hoe: "hamono azy ireo fahavalony"

**Ity no antso ho an'ny faharetana ary finoana ho an'ireo izay masina**

"Ireo izay masina dia tsy maintsy miaritra sy manam-pinoana"

**Revelation 13:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manomboka mamaritra bibi-dia hafa izay miseho ao amin'ny fahitany.

**nitany tahakan'ny dragona**

Ny fitenenana mafy dia resahina toy ny hoe nisy liona nierona. DH: "nitany mafy tahaka ny fieron'ny dragona"

**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana an'i Satana sy ny korontana. Voatonona ho "devoly na Satana" ihany koa ny dragona. Jereo izay nandikanao izany tao amin'ny 12:3.

**ary ny tany sy ireo izay monina eo aminy dia asainy miankohoka**

"ny olon-drehetra ety an-tany"

**ratra saika nahafaty**

"ratra mahafaty." Izany dia ratra mafy ka tonga hatramin'ny fahafatesan'ny olona iray.

**Revelation 13:13****Nanao ... izy**

"Ilay bibi-dia avy eto an-tany dia nanao"

**Revelation 13:15****Navela**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra namela an'ilay bibi-dia avy ety an-tany"

**asiana aina ny sarin'ny bibi-dia**

Eto ny teny hoe: "aina" dia maneho ny fiainana. DH: "hanome aina ilay sary"

**sarin'ny bibi-dia**

Izany dia sarin'ilay bibi-dia voalohany izay voalaza.

**ary izay rehetra tsy manaiky miankohoka amin'ilay bibi-dia dia novonoina**

"hamono izay rehetra mandà hiankohoka eo amin'ilay bibi-dia voalohany"

**Nanery ny tsirairay ihany koa izany**

"Ilay bibi-dia avy eto an-tany dia hanery ny olon-drehetra ihany koa"

**Tsy hisy olona mahazo mividy na mivarotra mandra-pahazony ny mariky ny bibi-dia**

"rehefa misy mariky ny bibi-dia ihany ny olona vao afaka mividy na mivarotra zavatra." DH: "Izy dia mibaiko fa rehefa misy mariky ny bibi-dia ihany ny olona vao afaka mividy na mivarotra zavatra"

**mariky ny bibi-dia**

Marika maneho fa miankohoka amin'ilay bibi-dia ny olona iray.

**Revelation 13:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity dia andininy fiatoana amin'ny fitantaran'i Jaona ny fahitany. Eto izy dia manome fampitandremana ny olona izay mamaky ny fitantaràny.

**Izany dia mitaky fahendrena**

"Ilaina ny fahendrena" na "Mila ny fahendrena ianao momba ity"

**Raha misy olona manan-tsaina**

Ny teny hoe: "manan-tsaina" dia afaka adika hoe "mahatakatra". DH: "Raha misy olona afaka mahatakatra zavatra"

**aoka izy hanisa ny isan'ny bibi-dia**

"tokony hahafantatra ny dikan'ny isan'ny bibi-dia izy"

**Fa izany dia isan'ny olona**

Ireo mety ho dikany 1) maneho olona iray ny isa na 2) maneho ny olombelona rehetra ny isa.

**666**

"enina amby enimpolo sy eninjato"



## Chapter 14

<sup>1</sup> Nijery aho ary nahita ny Zanak'ondry nitsangana teo amin'ny tendrombohitra Ziona. Niaraka taminy ireo 144. 000 izay nanana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handrin'izy ireo. <sup>2</sup> Nandre feo avy any an-danitra toy ny firohondrohon'ny rano maro sy kotroka mafy aho. Ny feo reko ihany koa dia toy ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany. <sup>3</sup> Nihira hira vaovao teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anoloan'ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona izy ireo. Tsy nisy na iza na iza afaka nianatra ny hira afa-tsy ireo 144. 000 izay novidiana avy teto an-tany ihany. <sup>4</sup> Ireo dia olona izay tsy nandoto ny tenan'izy ireo tamim-behivavy, fa nihazona ny tenany madio ara-nofo izy ireo. Izany dia izay manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza alehany. Izy ireny dia novidiana avy tamin'ny olombelona toy ny voaloham-bokatra ho an'Andriamanitra sy ho an'ny Zanak'ondry. <sup>5</sup> Tsy nisy lainga hita teo amin'ny molotr'izy ireo, tsy manan-tsiny izy ireo. <sup>6</sup> Nahita anjely hafa nanidina ambony aho, izay nanana ny hafatra mandrakizain'ny vaovao mahafaly hambara amin'ireo izay miaina ambonin'ny tany- amin'ny firenena, foko, fiteny, ary ny olona rehetra. <sup>7</sup> Niantso tamin'ny feo mafy izy hoe: "Matahora an'Andriamanitra ary manomeza voninahitra Azy. Fa tonga ny oran'ny fitsarany. Mivavaha Aminy, ny iray izay nanao ny lanitra, ny tany, ny ranomasina, ary ny loharano." <sup>8</sup> Nisy anjely hafa- ny anjely faharoa- nanaraka niteny hoe: "Nianjera, nianjera Babylona lehibe, izay nandresy lahatra ireo firenena rehetra mba hisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony." <sup>9</sup> Nisy anjely hafa- anjely fahatelo- nanaraka azy ireo, niteny tamin'ny feo mafy hoe: "Raha misy mivavaka amin'ny ny bibidia sy ny sariny, ary mandray ny marika eo amin'ny handriny na eo amin'ny tanany, <sup>10</sup> dia hisotro ny sasany amin'ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra ihany koa izy, divay tsy niharo izay narotsaka tao anatin'ny kapoaky ny hatezerany. Ny olona izay misotro izany dia ho ampijaliana amin'ny afo sy solifara eo anoloan'ireo anjely masin'Andriamanitra sy eo anoloan'ny Zanak'ondry. <sup>11</sup> Ny setroka avy amin'ny fijalian'izy ireo dia miakatra mandrakizay doria, ary tsy manam-pitsaharana andro sy alina izy ireo- ireo mpanompon'ny bibidia sy ny sariny ireo, ary ny olon-drehetra izay mandray ny mariky ny anarany. <sup>12</sup> Ity dia antso ho an'ny faharetana maharitr'ireo izay masina, ireo izay mankatoa ireo didin'Andriamanitra ary mino an'i Jesosy." <sup>13</sup> Nandre feo avy any an-danitra aho niteny hoe: "Soraty izao: Sambatra ny maty izay maty ao amin'ny Tompo." "Eny", hoy ny Fanahy, "mba ahafahan'izy ireo miala sasatra amin'ny asan'izy ireo, fa ny vitan'izy ireo dia hanaraka azy ireo." <sup>14</sup> Nijery aho, ary nisy rahona fotsy. Nipetraka teo amin'ny rahona ny iray toy ny zanak'olona. Nanana satro-boninahitra volamena teo amin'ny lohany sy fijinjana maranitra eny an-tanany izy. <sup>15</sup> Dia nisy anjely hafa nivoaka ny tempoly ary niantso tamin'ny feo mafy an'ilay mipetraka eo amin'ny rahona nanao hoe: "Raiso ny fijinjanao ka manomboha mijinja. Fa tonga ny fotoana hijinjana, satria masaka ny vokatry ny tany." <sup>16</sup> Ary ny iray izay nipetraka teo amin'ny rahona nampandroso ny fijinjany teto an-tany, ka nojinjaina ny tany. <sup>17</sup> Nisy anjely hafa nivoaka avy tao an-tempoly tany an-danitra; nanana fijinjana maranitra ihany koa izy. <sup>18</sup> Mbola nisy anjely hafa koa nivoaka ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra, izay nanana fahefana amin'ny afo. Niantso tamin'ny feo mahery an'ilay ireo izay nanana fijinjana maranitra izy hoe: "Raiso ny fijinjanao maranitra ary angony ireo sampahom-boaloboka avy amin'ny voaloboky ny tany, fa ireo voaloboka dia efa masaka izao." <sup>19</sup> Nampandroso ny fijinjany tamin'ny tany ilay anjely ary nanangona ny vokatry ny voaloboky ny tany. Natsipiny tao anaty famiazam-boaloboka lehiben'ny fahatezeran'Andriamanitra izany. <sup>20</sup> Ny famiazam-boaloboka dia nitsahina tany ivelan'ny tanàna, ary ny rà dia niraraka avy ao amin'izany ka tonga hatreny amin'ny haavon'ny lamboridin-tsoavaly, izay 1. 600 stadio.

### Footnotes

14:5 <sup>[1]</sup>Fanamarihina: Ny dikan-teny sasany manampy hoe: "teo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra"

### Revelation 14:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia manomboka mamaritra ny tapany manaraka amin'ny fahitany. Misy mpino 144,000 mitsangana manoloana ny Zanak'ondry.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny teny hoe: "aho" dia maneho an'i Jaona.

#### Zanak'ondry

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao azy tao amin'ny 5:6

**144,000**

"efatra arivo sy efatra alina sy iray hetsy." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 7:4

**izay nanana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handrin'izy ireo**

Afaka atao hoe: "eo amin'ny handrin'ireo izay nanoratan'ny Zanak'ondry sy ny Rainy ny anaran'izy ireo"

**ny Rainy**

Fiantsoana manan-danja ho an'Andriamanitra izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy Jesosy.

**Revelation 14:3****Nihira hira vaovao ... izy ireo**

"Ireo olona 144,000 nihira hira vao." Ity dia manazava ny feo izay ren'i Jaona. DH: "Izany feo izany dia hira vao izay nohirain'izy ireo"

**loholona**

Izany dia maneho an'ireo loholona efatra amby roapolo manodidina ny seza fiandrianana. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 4:4.

**tsy nandoto ny tenan'izy ireo tamim-behivavy**

Ireo mety ho dikany: 1) "tsy mbola nijangajanga tamin'ny vehivavy mihitsy" na "tsy mbola niray tamin'ny vehivavy mihitsy." Ny mandoto ny tena amin'ny vehivavy dia mety ho marika fanompoan-tsampy.

**nihazona ny tenany madio ara-nofa izy ireo**

Ireo mety ho dikany: 1) "tsy niray tamin'ny vehivavy izay tsy vadiny izy ireo" na 2) "virjiny izy ireo."

**manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza alehany**

Ny manao izay ataon'ny Zanak'ondry dia resahina toy ny hoe manaraka azy. DH: "manao izay rehetra ataon'ny Zanak'ondry izy ireo" na "mankato ny Zanak'ondry izy ireo"

**Tsy nisy lainga hita teo amin'ny molotr'izy ireo**

Ny "molotr'izy ireo" dia maneho izay lazain'izy ireo. DH: "Tsy mandainga mihitsy izy ireo rehefa miteny"

**Revelation 14:6****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manomboka mamaritra ny tapany manaraka amin'ny fahitany. Ity no anjely voalohany amin'ireo anjely telo izay manambara fitsarana eto an-tany.

**ny firenena, foko, fiteny, ary ny olona rehetra**

Izany dia midika fa ny olona avy amin'ny foko rehetra dia ao anatiny. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:9.

**Fa tonga ny oran'ny fitsarany**

Afaka atao matoanteny ny hoe "fitsarany". DH: "ankehitryny no fotoana hitsaran'Andriamanitra ny olona"

**Revelation 14:8****Nianjera, nianjera Babylona lehibe**

Ilay anjely dia niresaka momba an'i Babylona potika toy ny hoe nianjera. DH: "Ilay Babylona lehibe dia simba"

**Babylona lehibe**

"Babylona tanàn-dehibe" na "tanàna manan-danja'n'i Babylona." Izany dia mety ho famantarana ny tanànan'i Roma, izay lehibe, manan-karena, ary be fahotana.

**izay nandresy lahatra**

Babylona dia resahina toy ny hoe olona iray, fa tsy tanàna iray feno olona.

**mba hisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony**

Izany dia mariky ny fandraisana anjara tamin'ny fitondran-tena malotony. DH: "maloto fitondran-tena tahaka azy" na "mba ho mamon'ny fahotana ara-piraisana ara-nofa toa azy"

**ny fitondran-tena malotony**

Babylona dia resahina toy ny hoe misy mpivaro-tena izay nahatonga ny olon-kafa hanota miaraka aminy. Mety misy dikany anankiroa izany: fijangajangana ara-bakiteny ary ihany koa fanompoana ireo andriamanitra sandoka.

**Revelation 14:9****dia hisotro ny sasany amin'ny divain'ny****fahatezeran'Andriamanitra ihany koa**

Ny fisotroana ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra dia marika fa voasazin'Andriamanitra. DH: "hisotro ny sasany amin'ny divay izay maneho ny fahatezeran'Andriamanitra"

**izay narotsaka tao anatin'ny**

Afaka atao hoe: "izay nafangaron'Andriamanitra tamin'ny hery tanteraka"

**izay narotsaka tao anatin'ny**

Izany dia midika fa divay samihafa ihany no nafangaro tamin'ilay divay, ary ny olona iray izay misotro betsaka amin'izany dia ho mamo tanteraka. Tahaka ny marika, izay midika fa Andriamanitra dia ho tezitra mafy, fa tsy ho tezitra kely.

**ny kapoaky ny hatezerany**

Io kapoaky famantarana izay misy ny divay io dia maneho ny fahatezeran'Andriamanitra. DH: "ny kapoaky misy ny divay izay maneho ny fahatezeran'Andriamanitra"

**Revelation 14:11****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay anjely fahatelo dia manohy miteny.

**Ny setroka avy amin'ny fijalian'izy ireo**

Ny teny hoe: "ny fijalian'izy ireo" dia maneho ny afo izay mampijaly azy ireo. DH: "Ny setroka avy amin'ny afo izay mampijaly azy ireo"

**tsy manam-pitsaharana ... izy ireo**

"tsy nanana fitoniana izy ireo" na "tsy nijanona ny fijaliana"

**andro sy alina**

Ampiasaina mba hanehoana ny iray andro manontolo. DH: "isan'andro isan'andro"

**Ity dia antso ho an'ny faharetana maharitr'ireo izay masina**

"Ireo izay masina dia tsy maintsy miharitra ampaharetana ary mila manam-pinoana." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 13:9.

**Revelation 14:13****ny maty izay maty**

"ireo izay maty"

**izay maty ao amin'ny Tompo**

"izay miombona amin'ny Tompo ka maty." Izany dia mety ho maneho ny olona izay voavonon'ireo fahavalony. DH: "izay maty satria niombona tamin'ny Tompo izy ireo"

**ny asa**

fahaserotana sy fijaliana

**ny vitan'izy ireo dia hanaraka azy ireo**

Ny vitan'izy ireo dia resahina toy ny hoe velona izy ireo ary afaka manaraka an'ireo izay nanao azy ireny. Ireo mety ho dikany: 1) "ireo hafa dia hahafantatra ny asa tsara vitan'ireo olona ireo" na 2) "Andriamanitra dia hamaly soa azy ireo nohon'ny asan'izy ireo."

**Revelation 14:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manomboka mamaritra ny tapany manaraka amin'ny fahitany. Io ampahany iray io dia momba ny Zanak'Olona hijinja ny tany. Ny fijinjana

ny vokatry dia famantarana ny fitsaran'Andriamanitra ny olona."

**ny iray toy ny zanak'olona**

Io fitenenana io dia mamaritra ny endrik'olombelona, olona iray izay tahaka ny olombelona. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:12.

**satro-boninahitra volamena**

Tahaka ny fehiloaha vita tamin'ny rantsan'oliva na ravin-java-maniry, notefena volamena. Ohatra amin'izao fotoana ny satro-boninahitra izay atao amin'ny lohan'ny atleta mpandresy.

**fijinjana**

fitavonana iray fanapahana bozaka, voa, ary voaloboka

**nivoaka ny tempoly**

"nivoaka ny tempoly tany an-danitra"

**ka nojinjaina ny tany**

"izy nijinja ny tany"

**Revelation 14:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia manohy mamaritra ny fahitany momba ny tany voajinja.

**izay nanana fahefana amin'ny afo**

Eto ny "fahefana amin'ny" dia maneho ny andraikitra amin'ny fifehezana ny afo.

**Revelation 14:19****famiazam-boaloboka ... Ny famiazam-boaloboka**

Maneho daba iray ihany ireo.

**famiazam-boaloboka lehiben'ny****fahatezeran'Andriamanitra**

"famiazam-boaloboka lehibe izay toerana hampisehoan'Andriamanitra ny fahatezerany"

**lamboridy**

fitavonana vita amin'ny hoditra izay atao eo amin'ny lohan'ny soavaly sy ampiasaina mba hitarihana ny soavaly

**1.600 stadio**

"300 kilometatra" na "200 kilaometatra"



## Chapter 15

<sup>1</sup> Avy eo dia nahita famantarana hafa teny amin'ny lanitra aho, lehibe sy mahatalanjona: Nisy anjely fito miaraka amin'ny loza fito, izay loza farany indrindra, fa amin'izy ireo no hahatanteraka ny fahatezeran'Andriamanitra. <sup>2</sup> Nahita izay niseho tamin'ny ranomasina fitaratra nampiarahana tamin'ny afo aho. Nitsangana teo akaikin'ny ranomasina ireo izay nandresy an'ilay bibidia sy ny sariny, sy ny isa maneho ny anarany. Izy ireo dia nitazona harpa nomen'Andriamanitra azy ireo <sup>3</sup> Izy ireo nihira ny hiran'i Mosesy, ilay mpanompon'Andriamanitra, ny hiran'ny Zanak'ondry hoe: "Lehibe sy mahatalanjona ireo asanao, Tompo Andriamanitra, ilay Avo indrindra. Marina sy mahitsy ireo lalanao, ry Mpanjakan'ireo firenena. <sup>4</sup> Iza no tsy hahatahotra Anao, ry Tompo, sy hanome voninahitra ny anaranao? Fa Ianao irery no masina. Ny firenena rehetra ho avy sy hivavaka eo anatrehanao satria ireo asanao marina dia efa nambara." <sup>5</sup> Taorian'ireo zavatra ireo aho dia nijery, ary nisokatra teny amin'ny lanitra ilay tempoly izay manana lain'ny fijoroana vavolombelona. <sup>6</sup> Nivoaka avy tao amin'ilay toerana masina indrindra ireo anjely fito mitazona ireo loza fito. Izy ireo dia miakanjo madio, lamba rongony mampiratra sy misy fehin-kibo volamena manodidina ny tratran'izy ireo. <sup>7</sup> Iray tamin'ireo zava-manan'aina efatra nanome an'ireo anjely fito lovia volamena fito feno ny fahatezeran'Andriamanitra, ilay velona mandrakizay doria. <sup>8</sup> Feno setroka avy amin'ny voninahitr'Andriamanitra sy avy amin'ny heriny ny tempoly. Tsy misy na iza na iza afaka miditra ao mandra-pahatanteraky ny loza fiton'ireo anjely fito.

### Revelation 15:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity andininy ity dia famintinana izay miseho ao amin'ny 15:6 - 16:21.

#### lehibe sy mahatalanjona

Ireo teny ireo dia mitovy dika ary ampiasaina mba ho fanamafisana. DH: "zavatra lehibe sy mahatalanjona ahy"

#### anjely fito miaraka amin'ny loza fito

"anjely fito izay manana fahefana handefa ny loza fito ety an-tany"

#### izay loza farany indrindra

"ary aorian'ireo, dia tsy hisy loza hafa intsony"

#### fa amin'izy ireo no hahatanteraka ny fahatezeran'Andriamanitra

Afaka atao hoe: "fa amin'ireo loza ireo no hahatanteraka ny fahatezeran'Andriamanitra." Ireo mety ho dikany: 1) ireo loza ireo no haneho ny fahatezeran'Andriamanitra rehetra na 2) aorian'ireo loza ireo, Andriamanitra dia tsy ho tezitra intsony.

### Revelation 15:2

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Eto Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany momba ny olona izay nandresy ny bibi-dia sy izay nidera an'Andriamanitra.

#### ranomasina fitaratra

Afaka atao mazava tsara hoe: 1) ny ranomasina dia resahina toy ny hoe fitaratra. DH: "ranomasina izay malama tahaka ny fitaratra" na 2) ny fitaratra dia resahina toy ny hoe ranomasina. DH: "fitaratra izay midadasika tahaka ny ranomasina"

#### ireo izay nandresy an'ilay bibi-dia sy ny sariny

Afaka atao hoe: ireo izay nandresy an'ilay bibi-dia sy ny sariny tamin'ny alalan'ny tsy fanompoana azy ireo"

#### sy ny isa maneho ny anarany

Afaka atao hoe: "sy ny isa maneho ny anarany tamin'ny alalan'ny tsy fanaovana marika amin'io nomerao io"

#### sy ny isa maneho ny anarany

Izany dia maneho ny isa izay voafaritra ao amin'ny 13:18.

### Revelation 15:3

#### Izy ireo nihira

"Ireo izay nandresy ny bibi-dia dia nihira"

#### Iza no tsy hahatahotra Anao, ry Tompo, sy hanome voninahitra ny anaranao?

Io fanontaniana io dia ampiasaina mba hanehoana ny fahagagan'izy ireo tamin'ny halehiben'ny voninahitry ny Tompo. DH: "Tomo, ny olon-drehetra dia hatahotra Anao sy hanome voninahitra ny anaranao!"

#### hanome voninahitra ny anaranao

Ny teny hoe: "ny anaranao" dia maneho an'Andriamanitra. DH: "ary hanome voninahitra anao"

#### ireo asanao marina dia efa nambara

Afaka atao hoe: "nahatonga ny olon-drehetra hahafantatra momba ireo asa marinao ianao"

## Revelation 15:5

### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Ireo anjely fito miaraka amin'ny loza fito dia ho avy any amin'ny toerana masina indrindra. Izy ireo dia efa voaresaka mialoha ao amin'ny 15:1.

### Taorian'ireo zavatra ireo

"Rehefa avy nihira izy ireo"

### ireo anjely fito mitazona ireo loza fito

Ireo anjely dia hita ho nitazona loza fito satria ao amin'ny 15:7 izy ireo dia nomena lovia feno ny fahatezeran'Andriamanitra.

### lamba rongony

lamba manify, lamba rongony lafo vidy

### fehin-kibo

Ny fehin-kibo dia ravin-damba atao haingo fatorana manodidina ny kibo.

## Revelation 15:7

### lovia volamena fito feno ny fahatezeran'Andriamanitra

Ny sary avoakan'ny divay ao anaty lovia dia afaka atao mazava tsara. Ny teny hoe: "fahatezerana" eto dia maneho ny fanasaziana. Ny divay dia famantarana ny fanasaziana. DH: "lovia volamena fito feno divay izay maneho ny fahatezeran'Andriamanitra"

### mandra-pahatanteraky ny loza fiton'ireo anjely fito

"mandra-pahatapitry ny fandefasan'ireo anjely fito ny loza fito ety an-tany"

## Chapter 16

<sup>1</sup> Nandre feo mafy niantso avy tao an-tempoly aho ary niteny tamin'ireo anjely fito hoe: "Mandehana ary ararahy amin'ny tany ireo lovia fito feno ny hatezeran' Andriamanitra." <sup>2</sup> Lasa ilay anjely voalohany ary nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny tany; ratra ratsy sy maharary no tonga tamin'ny olona izay nanana ny mariky ny bibi-dia, ireo izay nankalaza ny sariny. <sup>3</sup> Ilay anjely faharoa nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny ranomasina. Lasa rà izany, toy ny rà'olona maty, ary maty ny zava-manan'aina rehetra tao an-dranomasina. <sup>4</sup> Ilay anjely fahatelo nandraraka ny tao an-doviany tamin'ireo ony sy loharano, ary lasa rà ireo. <sup>5</sup> Reko ny anjelin'ny rano manao hoe: "Marina Ianao ilay ankehitriny sy taloha, Ilay iray Masina satria efa nitsara ireo zavatra ireo Ianao. <sup>[1]</sup><sup>6</sup> Satria ny rà'ireo mpino sy mpaminany no nalatsak'izy ireo, dia nomenao rà ho sotroina izy ireo; izany no mendrika azy ireo." <sup>7</sup> Reko ny alitara namaly hoe: "Eny, Tompo Andriamanitra lehibe, ireo fitsaranao dia marina sy mahitsy." <sup>8</sup> Ilay anjely fahefatra nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny masoandro, ary nahazo alalana handoro ny olona amin'ny afo izany. <sup>9</sup> Main'ilay hafanana be izy ireo, ary niteny ratsy ny anaran'Andriamanitra, izay manana ny fahefana amin'ireny loza ireny. Tsy nibekaka izy ireo na nanome voninahitra Azy. <sup>10</sup> Avy eo ilay anjely fahadimy nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny seza fiandrianan'ilay bibi-dia, ary nandrakotra ny fanjakany ny haizina. Nitsako ny lelany izy ireo nohon'ny fahoriana. <sup>11</sup> Niteny ratsy ilay Andriamanitra ny lanitra izy ireo nohon'ny fahoriana sy ratran'izy ireo, ary mbola nandà ny hibe-baka amin'izay vitan'izy ireo ihany izy ireo. <sup>12</sup> Ilay anjely faha-enina nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny ony lehibe, ilay Eofrata. Noritina izany mba hanomanana ny lalana ho an'ireo mpanjaka izay ho tonga avy any antsinanana. <sup>13</sup> Nahita fanahy maloto telo aho izay niendrika sahona mivoaka avy any am-bavan'ny dragona, avy any am-bavan'ny biby-dia, ary avy amin'ny vavan'ny mpaminany sandoka. <sup>14</sup> Fa fanahin'ny demonia manao famantarana mahagaga izy ireo. Nankany amin'ireo mpanjakan'izao tontolo izao izy ireo mba hanangona azy ireo miaraka ho an'ny adin'ny andro lehiben'Andriamanitra Avo indrindra. <sup>15</sup> ("Indro! Avy toy ny mpangalatra Aho! Sambatra izay miambina, miaro ireo fitafiany mba tsy hivoaka mitanjaka izy ary hitan'izy ireo ny fahamenarany.") <sup>16</sup> Nentin'izy ireo niaraka tany amin'ny toerana izay antsoina hoe Hara-magedona amin'ny Hebreo izy ireo. <sup>17</sup> Avy eo ilay anjely fahafito nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny rivotra. Ary nisy feo mafy nivoaka avy tao an-tempoly sy avy tamin'ny seza fiandrianana, manao hoe: "'Vita izany!" <sup>18</sup> Nisy tselatra, kotroka, kotro-baratra, ary horohoron-tany mafy\_ horohoron-tany lehibe noho izay efa nitranga hatramin'izay nisian'olona teto an-tany, ka dia mafy izany horohoron-tany izany. <sup>19</sup> Vaky ho fizarana telo ilay tanàna lehibe, ary rava ny tanànan'ireo firenena. Avy eo Andriamanitra niantso mba hahatsiaro an'i Babylona lehibe, ary nomeny izany tanàna izany ny kapoaka feno divay vita avy amin'ny firehetan'ny fahatezerany. <sup>20</sup> Nanjavona ny nosy rehetra, ary tsy hita intsony ireo tendrombohitra. <sup>21</sup> Nisy havandra vaventy, milanja eo amin'ny talenta iray eo, nidina avy any an-danitra ho amin'ny olona. Nanozona an'Andriamanitra izy ireo nohon'ny loza avy tamin'ny havandra satria tena mafy loatra izany loza izany.

### Footnotes

16:5 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Ny antontan-taratasy sasany taloha dia mamaky hoe: "Marina Ianao, Tompo\_ Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, satria efa nitsara ireo zavatra ireo Ianao."

### Revelation 16:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia manohy mamaritra ny tapany manaraka amin'ny fahitany izay momba ny anjely fito miaraka amin'ny loza fito. Ireo loza fito dia ireo lovia fiton'ny fahatezeran'Andriamanitra.

#### Nandre feo ... aho

Ny teny hoe "aho" dia maneho an'i Jaona.

#### lovia fito feno ny hatezeran' Andriamanitra

Ny sary avoakan'ny divay ao anaty lovia dia afaka atao mazava tsara. Ny teny hoe: "fahatezerana" eto dia maneho ny fanasaziana. Ny divay dia famantarana ny fanasaziana. DH: "lovia volamena fito feno divay izay maneho ny fahatezeran'Andriamanitra" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 15:7.

**Revelation 16:2****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**ratra maharary**

Mety ho ratra avy amin'ny aretina izay tsy nositrana izany.

**mariky ny bibi-dia**

Marika maneho fa miankohoka amin'ilay bibi-dia ny olona iray. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 13:15.

**Revelation 16:3****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 16:2.

**ranomasina**

Izany dia maneho ny farihy rehetra sy ny ranomasina.

**Revelation 16:4****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**ireo ony sy loharano**

Izany dia maneho ny zava-manan'aina rehetra ao anatin'ny ranomamy.

**ny anjelin'ny rano**

Ireo mety ho dikany 1) izany dia maneho an'ilay anjely fahatelo izay niandraikitra ny fandrarahana ny fahatezeran'Andriamanitra tany amin'ny ony sy ny loharano na 2) anjely hafa izay miandraikitra ny rano rehetra.

**Marina Ianao**

Ny "Ianao" dia maneho an'Andriamanitra.

**Ilay ankehitriny sy taloha**

"Andriamanitra ankehitriny sy taloha."

**ny rà'ireo mpino sy mpaminany no nalatsak'izy ireo**

Eto ny hoe: "nandatsaka ny rà" dia midika hoe namono. DH: "ny olon-dratsy dia namono ireo mpino sy ireo mpaminany"

**dia nomenao rà ho sotroina izy ireo**

Andriamanitra dia hampisotro ny rano izay navadiny ho rà an'ireo olon-dratsy.

**Reko ny alitara namaly hoe**

Ny teny hoe: "alitara" eto dia mety hoe maneho olona iray eo amin'ny alitara. "Nandre olona iray teo amin'ny alitara namaly aho"

**Revelation 16:8****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**nahazo alalana handoro ny olona amin'ny afo izany**

Jaona dia miresaka momba ny masoandro toy ny hoe olona. Afaka atao hoe: "ary nampahatonga ny masoandro handoro tanteraka ny olona"

**Main'ilay hafanana be izy ireo**

Afaka atao hoe: "Nandoro mafy azy ireo ny hafanana be"

**niteny ratsy ny anaran'Andriamanitra**

Eto ny anaran'Andriamanitra dia maneho an'Andriamanitra mihitsy. DH: "niteny ratsy an'Andriamanitra"

**izay manana ny fahefana amin'ireny loza ireny**

Io fehezanteny io dia mampahatsiahy ny mpamaky zavatra momba an'Andriamanitra izay efa fantatr'izy ireo. Izany dia manampy amin'ny fanazavana ny antony nitenenan'ny olona ratsy an'Andriamanitra. DH: "satria nanana fahefana tamin'ireny loza ireny izy"

**ny fahefana amin'ireny loza ireny**

Izany dia maneho ny fahefana hampitondra ireo loza ireo amin'ny olona, ary ny fahefana hanajanona ny loza"

**Revelation 16:10****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**ny seza fiandrianan'ilay bibi-dia**

Eo no hanjakan'ny bibi-dia. Mety ho maneho ny renivohitry ny tanàna amin'ny fanjakany izany.

**ary nandrakotra ny fanjakany ny haizina**

Ny haizina dia resahina toy ny hoe zavatra tahaka ny lamba firakofana. DH: "niha-maizina ny fanjakany rehetra"

**Nitsako ... Niteny ratsy**

Izany dia maneho ny olona ao amin'ny fanjakan'ilay bibi-dia.

**Revelation 16:12****nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**Noritina izany**

Afaka atao hoe: "Ary ritra ny ranony" na "ka nahatonga ny rano ho ritra"

**niendrika sahona**

Ny sahona dia biby kely izay mivelona eny akaikin'ny rano. Ny Jiosy dia mihevitra azy ireny ho biby maloto.

**dragona**

Biby lehibe, biby mandady masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny vahoaka Jiosy, dia famantarana an'i Satana sy ny korontana. Ny dragona ihany koa dia voatonona ho "devoly na Satana"

**Revelation 16:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny andininy faha-15 dia fiatoana amin'ny tantara lehibe momba ny fahitan'i Jaona. Ireo dia teny lazain'i Jesosy. Ny tantara dia mitohy ao amin'ny andininy faha-16.

**(Indro! Avy ... Aho)**

Ny fonon-teny ( ) eto dia mampiseho fa tsy ampahany ao amin'ny tantaran'ny fahitana izany.

**Avy toy ny mpangalatra Aho**

Jesosy dia ho tonga amin'ny fotoana tsy ampoizin'ny olona hahatongavany, tahaka ny fahatongavan'ny mpangalatra izay tsy ampoizina.

**miaro ireo fitafiany**

"manao ny marina tahaka ny olona miaro ny akanjony"

**miaro ireo fitafiany**

Ny fitenenana hafa dia mandika hoe: "mitazona ny akanjony miaraka aminy."

**hitan'izy ireo ny fahamenarany**

Eto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ny olona hafa.

**Nentin'izy ireo niaraka**

"Ireo fanahin'ny demonia dia nitondra ireo mpanjaka sy ny tafik'izy ireo niaraka"

**ny toerana izay antsoina hoe**

Afaka atao hoe: "ny toerana izay antsoin'ny olona hoe"

**Hara-magedona**

Izany dia anaran'ilay toerana.

**Revelation 16:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay anjely fahafito nandraraka ny lovia fahafito nisy ny fahatezeran'Andriamanitra.

**nandraraka ny tao an-doviany**

Ny teny hoe: "lovia" dia maneho izay ao anatiny.  
DH: "nandraraka ny divay tao an-doviany" na  
"nandraraka ny fahatezeran'Andriamanitra tao an-doviany"

**Ary nisy feo mafy nivoaka avy tao an-tempoly sy avy tamin'ny seza fiandrianana**

Izany dia midika fa olona iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana na olona iray nitsangana teo akaikin'ny seza fiandrianana no niteny mafy. Tsy fantatra mazava hoe iza ilay miteny.

**tsetatra**

Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny tsetatra amin'ny fitenim-paritrao rehefa miseho izany.

**kotroka, kotro-baratra**

Feo mahery ataon'ny kotroka. Ampiasao eto ny teny izay mamaritra ny feon'ny kotroka amin'ny fitenim-paritrao. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 4:4.

**Vaky ... ilay tanàna lehibe**

Afaka atao hoe: "Ilay horohoron-tany namaky ny tanàna lehibe"

**Avy eo Andriamanitra niantso**

"Ay eo Andriamanitra nahatsiaro" na "Avy eo Andriamanitra nieritreritra momba ny" na "Avy eo Andriamanitra nanomboka nifantoka tamin'ny." Izany dia tsy midika fa nahatadidy zavatra iray izay adinony Andriamanitra.

**nomeny izany tanàna izany ny kapoaka feno divay vita avy amin'ny firehetan'ny fahatezerany**

Ny divay dia famantarana ny hatezerany. Ny fampisotroana ny olona an'izany dia marika fa sazin'izy ireo izany. DH: "izy dia nampisotro ny olona tao amin'ny tanàna ny divay izay maneho ny fahatezerany"

**Revelation 16:20****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity dia ampahany amin'ny lovia fahafiton'ny fahatezeran'Andriamanitra.

**ary tsy hita intsony ireo tendrombohitra**

Ny tsy fahafahana mahita ireo tendrombohitra dia hevitra ambadiky ny fitenenana fa tsy misy intsony ny tendrombohitra. DH: "tsy misy tendrombohitra intsony"

**eo amin'ny talenta iray eo**

"34 kilograma"



## Chapter 17

<sup>1</sup> Iray tamin'ireo anjely fito izay nitazona ireo lovia volamena fito nanatona sy niteny tamiko hoe: "Avia, ho asehoko anao ny sazin'ny mpijangajanga lehibe izay mipetraka ambony rano maro." <sup>2</sup> Niaraka taminy no nampijangajanga an'ireo mpanjakan'ny tany. Ny divain'ny fijangajangany no nahamamo ireo mponin'ny tany." <sup>3</sup> Avy eo ilay anjely nitondra ahy tamin'ny Fanahy tany amin'ny tany karakaina, ary nahita vehivavy nipetraka teo ambony bibi-dia mena izay feno anarana teny ratsy aho. Ilay bibi-dia dia manana loha fito sy tandroka folo. <sup>4</sup> Ilay vehivavy dia niakanjo voloparasy sy mena ary voaravaka volamena, vato sarobidy, ary vato soa. Izy dia nitazona tamin'ny tanany kapoaka volamena feno ireo zavatra maharikoriko sy ireo tsy fahadiovan'ny fijangajangany. <sup>5</sup> Teo amin'ny handriny no nisy anarana manana dikany miafina voasoratra hoe: "Babilona lehibe, ilay renin'ireo mpijangajanga sy ny zavatra maharikorikon'ny tany." <sup>6</sup> Nahita aho fa ilay vehivavy dia mamon'ny ràn'ireo mpino sy ny ràn'ireo martiry ho an' i Jesosy. Rehefa nahita azy aho, dia tena talanjona. <sup>7</sup> Fa ilay anjely niteny tamiko hoe: "Maninona no talanjona ianao? Ho azavaiko anao ny dikan'ily vehivavy sy ilay bibi-dia izay mitondra azy, ilay bibi-dia izay manana loha fito sy tandroka folo." <sup>8</sup> Ilay bibi-dia izay hitanao dia misy, fa tsy misy ankehitriny, fa andalam-piakarana avy any amin'ny farany ambanin'ny lavaka tsy hita noanoa. Avy eo dia hankany amin'ny fahasimbana izany. Ireo izay miaina ambony tany, ireo izay tsy voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainana hatramin'ny namoronana an'izao tontolo izao ny anarany- ho gaga izy ireo rehefa hahita fa ilay bibi-dia dia misy, fa tsy misy intsony ankehitriny, fa andalam-pihaviana. <sup>9</sup> Miantso saina izay manam-pahendrena izany. Ireo loha fito dia vohitra fito izay hipetrahan'ily vehivavy. <sup>10</sup> Izy ireo ihany koa dia mpanjaka fito. Mpanjaka dimy no lavo, anankiray no misy, ary ny hafa dia mbola tsy tonga; rehefa tonga izy, dia fe-potoana kely ihany no hitoerany. <sup>11</sup> Ilay bibi-dia izay misy, fa tsy misy ankehitriny, mpanjaka fahavalo izy; kanefa iray amin'ireo mpanjaka fito izy, ary hankany amin'ny fahasimbana. <sup>12</sup> Ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo izay mbola tsy nandray fanjakana, fa hahazo fahefana tahaka ny mpanjaka miaraka amin'ily bibi-dia - mandritry ny adiny iray izy ireo. <sup>13</sup> Firaisan-tsaina izany, ary izy ireo dia hanome ny hery sy ny fahefan'izy ireo an'ily bibidia. <sup>14</sup> Hanangan'ady manohitra ny Zanak'ondry izy ireo. Fa ny Zanak'ondry no handresy azy ireo satria Izy no Tompon'ny tompo, ary Mpanjakan'ny mpanjaka-ary miaraka aminy ireo voaantso, ireo voafidy, ary ireo manam-pinoana." <sup>15</sup> Hoy ny anjely tamiko: "Ireo rano izay hitanao, teo amin'ily nipetrahan'ily mpijangajanga, no olona, vondron'olona, firenena, ary fiteny. <sup>16</sup> Ireo tandroka folo izay hitanao-izy ireo sy ilay bibi-dia dia hankahala an'ily mpijangajanga. Ho ataon'izy ireo laho sy mitanjaka izy, handrovitra ny nofony izy ireo, ary handoro azy tanteraka amin'ny afo. <sup>17</sup> Fa Andriamanitra efa nametraka izany tao am-pon'izy ireo mba hanatanteraka ny fikasany amin'ny faneken'izy ireo hanome ny herin'izy ireo hitondrana ilay bibi-dia mandra-pahatanteraky ny tenin'Andriamanitra. <sup>18</sup> Ary ravehivavy, ilay hitanao no tanàna lehibe izay manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany."

### Revelation 17:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra ny ampahany amin'ny fahitany momba ilay mpijangajanga lehibe.

#### ny sazin'ny mpijangajanga lehibe izay mipetraka ambony rano maro

Afaka atao hoe: "ny fomba hanasazian'Andriamanitra an'ily mpijangajanga lehibe izay mipetraka ambony rano maro"

#### mpijangajanga lehibe

"ily mpijangajanga izay fantatry ny olona rehetra ny momba azy." Izy dia maneho tanàna iray feno fahotana.

#### ambony rano maro

Raha ilainao, dia afaka mampiaa teny izay mamaritra kokoa an'ily karazana rano. DH: "ambony renirano maro"

#### Ny divain'ny fijangajangany no nahamamo ireo mponin'ny tany

Ny divay dia maneho ny fijangajangana. DH: "Ny olona teto an-tany dia lasa mamamo tamin'ny fisotroana ny divainy, izany hoe, nijangajanga izy ireo"

#### ny fijangajangany

Mety ho manana dikany roa izany: fijangajangana eo amin'ny olona ary ihany koa fanompoana andriamanitra sandoka.

### Revelation 17:3

#### nitondra ahy tamin'ny Fanahy tany amin'ny tany karakaina

Ny toerana dia niova tamin'i Jaona tany an-danitra ka lasa any amin'ny tany karakaina.

#### vato sarobidy, ary vato soa "karazam-bato lafo vidy"

**vato soa**

vakana tsara tarehy sy sarobidy. Izy ireny dia miforona ao anatin'ny akoran'ny karazana biby kely iray izay miaina any anaty ranomasina.

**Teo amin'ny handriny no nisy anarana**

Afaka atao hoe: "Olona iray nanoratra anarana teo amin'ny handriny"

**Babilona lehibe**

Raha tiana hazava tsara fa ilay anarana dia maneho an'ilay vehivavy dia afaka atao anaty fehezanteny izany. DH: "Izaho no Babilona, ilay mahery indrindra"

**Revelation 17:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ilay anjely dia manomboka manazava amin'i Jaona ny dikan'ilay mpijanganjanga sy ilay bibi-dia mena. Ilay anjely dia manazava izany zavatra izany amin'ny alalan'ny andininy faha: 18.

**mamon'ny rà**

"mamo satria nisotro ilay rà"

**martiry ho an' i Jesosy**

"ireo mpino izay maty satria nilaza tamin'ny hafa ny momba an'i Jesosy"

**talanjona**

"gaga"

**Maninona no talanjona ianao?**

Ilay anjely dia mampiasa io fanontaniana io mba hibesedana moramora an'i Jaona. DH: "Tsy tokony ho talanjona ianao!"

**Revelation 17:8****ny lavaka tsy hita noanoa**

Lavaka lalina sy tery. Ireo mety ho dikany 1) ny lava-drano dia tsy misy fiafarana; fa miha-midina lalina mandrakizay na 2) lalina tokoa ny lava-drano toy ny hoe tsy misy fiafarana izany. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 9:10.

**Avy eo dia hankany amin'ny fahasimbana izany**

Ny anarana hoe: "fahasimbana" dia afaka atao matoanteny. DH: "Avy eo dia ho simba izany" na "Avy eo Andriamanitra dia hanimba izany"

**hankany amin'ny fahasimbana izany**

Ny fahatokisana amin'izay hitranga any aoriana any dia resahina toy ny hoe ilay bibi-dia dia hankany amin'izany.

**ireo izay tsy voasoratra ny anarany**

Afaka atao hoe: "ireo izay tsy voasoratr'Andriamanitra ny anaran'izy ireo"

**hatramin'ny namoronana an'izao tontolo izao**

"talohan'ny namoronan'Andriamanitra an'izao tontolo izao"

**Revelation 17:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay anjely dia manohy ny fitenenany. Eto izy dia manazava ny dikan'ireo loha fiton'ilay bibi-dia izay taingenan'ilay vehivavy.

**Miantso ... izany**

"Mitaky fananana ... izany"

**Miantso saina izay manam-pahendrena izany**

Ireo anarana hoe: "saina" sy "fahendrena" dia afaka atao hoe "mihevitra" sy "hendry." DH: "Mila saina hendry mba hahatakatra izany" na "Mila mihevitra am-pahendrena ianao mba hahatakatra izany"

**Ireo loha fito dia vohitra fito**

Eto ny hoe: "dia" dia midika hoe: "maneho"

**Mpanjaka dimy no lavo**

Ilay anjely dia miteny ny fahalavoana ho fahafatesana. DH: "Mpanjaka dimy no maty"

**anankiray no misy**

"mpanjaka iray no velona ankehitriny"

**ary ny hafa dia mbola tsy tonga; rehefa tonga izy**

Afaka atao hoe: "ny hafa dia mbola tsy mpanjaka; fa rehefa tonga mpanjaka izy"

**dia fe-potoana kely ihany no hitoerany**

Ilay anjely dia miresaka ny olona iray lasa mpanjaka ho toy ny hoe mijanona eo amin'ny toerana misy azy. DH: "fe-potoana kely ihany no maha-mpanjaka azy"

**Revelation 17:11****kanefa iray amin'ireo mpanjaka fito izy**

Ireo mety ho dikany: 1) ilay bibi-dia dia manapaka indroa: ny voalohany tahaka ny iray amin'ireo mpanjaka fito, ary tahaka ny mpanjaka fahavalo na 2) ilay bibi-dia dia ao anatin'ny vondron'ireo mpanjaka fito satria mitovy amin'izy ireo izy.

**hankany amin'ny fahasimbana**

Ny fahatokisana amin'izay hitranga any aoriana dia resahina toy ny hoe ilay bibi-dia dia hankany amin'izany. DH: "tena ho simba izany" na "Andriamanitra dia tena handrava azy"

**Revelation 17:12****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay anjely dia manohy miresaka amin'i Jaona. Eto izy dia manazava ny dikan'ireo tandroka folon'ilay bibi-dia.



**mandritry ny adiny iray**

Afaka atao hoe: "mandritra ny fotoana fohy" na "mandritra ny ampahany kely amin'ny andro iray"

**Firaisan-tsaina izany**

"Zavatra iray ihany ireo" na "Ireo rehetra ireo dia manaiky hanao zavatra mitovy"

**ny Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

**ireo voaantso, ireo voafidy, ary ireo manam-pinoana**

Izany dia maneho vondron'olona iray. DH: "ireo izay nantsoin'Andriamanitra sy nofidiny ary ireo izay manam-pinoana Azy"

**Revelation 17:15****Ireo rano izay hitanao, teo amin'ilay nipetrahan'ilay mpijangajanga, no olona, vondron'olona, firenena, ary fiteny**

Eto ny hoe: "no" dia midika hoe: "maneho."

**Ireo rano**

Raha ilainao, dia afaka mampiaa teny izay mamaritra kokoa an'ilay karazana rano. DH: "ireo renirano"

**vondron'olona**

"vondron'olona lehibe" na "olona maro isa"

**ireo fiteny**

Izany dia maneho ireo olona izay miteny amin'ny fitenin'izy ireo. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 10:10.

**Revelation 17:16****ataon'izy ireo lao sy mitanjaka izy**

"hangalatra ny fananany rehetra ary hamela azy ho tsy manana na inona na inona"

**handrovitra ny nofony izy ireo**

Ny famotehana azy tanteraka dia resahina toy ny hoe mihinana ny nofony rehetra. "Hamotika azy tanteraka izy ireo"

**Fa Andriamanitra efa nametraka izany tao am-pon'izy ireo mba hanatanteraka ny fikasany amin'ny faneken'izy ireo ... mandra-pahatanteraka**

Hanaiky hanome ny herin'izy ireo an'ilay bibi-dia izy ireo, fa tsy hankato an'Andriamanitra izy ireo. DH: "Fa Andriamanitra efa nametraka izany tao am-pon'izy ireo mba hanaiky hanome ny herin'izy ireo mba hitondra ilay bibi-dia mandra-pahatanteraky ny tenin'Andriamanitra, ary amin'ny fanaovana izany, dia hanatanteraka ny fikasan'Andriamanitra izy ireo"

**Andriamanitra efa nametraka izany tao am-pon'izy ireo**

Ny fo dia maneho ny faniriana. Mahatonga azy ireo hanao zavatra dia resahina toy ny hoe mametraka izany ao am-pon'izy ireo mba hanao izany. DH: "Andriamanitra nahatonga azy ireo"

**ny hery hitondrana**

"fahefana" na "fahefana maha-mpanjaka"

**mandra-pahatanteraky ny tenin'Andriamanitra**

Afaka atao hoe: "mandra-pahatanterak'izay nolazainy fa hiseho"

**Revelation 17:18****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tapitra ny filazan'ilay anjely ny momba ilay mpijangajanga sy ilay bibi-dia amin'i Jaona.

**no**

Eto ny hoe: "no" dia midika hoe "maneho."

**tanàna lehibe izay mitondra**

Rehefa lazaina hoe ny tanàna no mitondra, dia midika izany fa ny loholona ao amin'ilay tanàna no mitondra. DH: "tanàna lehibe izay ireo loholona no mitondra"

## Chapter 18

<sup>1</sup> Taorian'ireo zavatra ireo dia nahita anjely hafa izay nidina avy any an-danitra aho. Nanana fahefana lehibe izy, ary namirapiratra nohon'ny ny voninahiny ny tany. <sup>2</sup> Nihiaka tamin'ny feo mahery izy, niteny hoe: "Nianjera, nianjera ilay Babylona lehibe! Lasa tonga toeram-ponenan'ny demony, fialofana ho an'ireo fanahy maloto, ary fialofana ho an'ny ireo vorona maloto sy marikoriko rehetra. <sup>3</sup> Fa ny firenena rehetra dia nisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony. Ireo mpanjakan'ny tany dia nanao fitondran-tena maloto taminy. Ireo mpivarotra ny tany dia tonga mpanan-karena tamin'alalan'ny fomba fiainany amin'ny nofo." <sup>4</sup> Avy eo dia nandre feo hafa avy any an-danitra aho, miteny hoe: "Mialà aminy, ry oloko, mba tsy hizarany ny fahotany ao aminareo, ary mba tsy hahazonareo ireo lozany. <sup>5</sup> Efa nihangona tahaka ny ahavon'ny lanitra ireo fahotany, ary Andriamanitra mahatsiaro ireo asa ratsiny. <sup>6</sup> Mamalia azy tahaka ny namalian'ny hafa, ary valio avy roa eny izay efa vitany; tao amin'ny kapoka izay efa nofenoiny, dia fenoy avo roa eny ho azy. <sup>7</sup> Toy izy nanome voninahitra ny tenany sy niaina tamin'ny tsy fiafiana, omeo azy ny fampijaliana sy ny alahelo sahaza azy. Fa izy nilaza tao am-pony nanao hoe: 'Nipetraka toy ny mpanjaka vavy aho. Tsy maty vady aho, ary tsy hisaona mandrakizay.' <sup>8</sup> Noho izany dia ho avy amin'ny andro iray ireo areti-mandringany: ny fahafatesana, ny fisaonana, ary ny mosary. Hodoran'ny afo izy, fa ny Tompo Andriamanitra dia mahery, ary izy no mpitsara azy." <sup>9</sup> Ireo mpanjakan'ny tany izay nijangajanga sy nandeha tsy am-pieritreretana niaraka taminy dia hitomany ary hiankohoka eo anatrehany rehefa hahita ny setroky ny fahamaizany izy ireo. <sup>10</sup> Hijoro lavitra izy ireo, hatahotra ny fijaliany, hiteny hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe, Babylona, ilay tanàna mahery, fa amin'ny ora iray dia ho avy ny sazinareo." <sup>11</sup> Ireo mpivarotra ny tany dia mitomany sy misaona ho azy, satria tsy nisy olona niady varotra ho azy intsony- <sup>12</sup> varotra volamena, volafotsy, vato sarobidy, firavaka, lamban-drongony tena tsara, volomparasy, landy, mena, ireo karazana hazo ala, ny fanaka ivoara, ny fanaka rehetra vita avy amin'ny hazo sarobidy, varahina, vy, marbra, <sup>13</sup> kanelina, zava-manitra, ditin-kazo, miora, hanitra, divay, menaka, koba tsara toto, vary, biby fiompy ary ondry, soavaly sy kalesy, ireo andevo sy fanahin'olona. <sup>14</sup> Ny vokatra izay tinao tamin'ny herinao rehetra dia hiala aminao. ny entanao lafo vidy sy ireo namirapiratra dia nanjavona, ary tsy ho hita intsony mandrakizay. <sup>15</sup> Ny mpivarotra ireo entana izay tonga mpanan-karena noho izy dia hiala aminy lavitra nohon'ny fatahorana ny fijaliany, hitomany sy hisaona mafy. <sup>16</sup> Hiteny izy ireo hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe izay niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara, volomparasy, sy mena, ary noravahana tamin'ny volamena, firavaka sarobidy, ary vatosoa! <sup>17</sup> Anatin' ny ora iray dia ho foana izany harena rehetra izany. "Ireo kapitenin-tsambo rehetra, ireo mandeha eny ambonin'ny ranomasina rehetra, tantsambo, sy izay rehetra monina an-dranomasina, dia hijoro alavitra. <sup>18</sup> Nihiaka izy ireo raha vao nahita an'ilay setrokin'ny fahamaizany. Niteny izy ireo hoe: "Tanàna inona no toy ny tanàna lehibe?" <sup>19</sup> Nanipy vovoka teny an-dohany izy, ary nihiaka mafy, nitomany, sy nisaona, nanao hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe izay nisy an'ireo rehetra nanana ireo sambo an-dranomasina no tonga mpanan-karena avy amin'ny harenany. Fa tao anaty ora iray dia simba izany." <sup>20</sup> "Mifalia aminy, ry lanitra, ianareo mpino, apostoly, ary mpaminany, fa Andriamanitra nitondra ny fitsaranareo taminy!" <sup>21</sup> Anjely mahery iray naka vato toy ny vato lehibe ary nanipy izany tany an-dranomasina, ary nilaza hoe: "amin'izany fomba izany, Babylona, ilay tanàna lehibe, harodana arahina herisetra, ary tsy ho hita intsony. <sup>22</sup> Ilay feo nataon'ireo lokanga, mpitendry mozika, mpitsoka sodina, sy trompetra dia tsy ho re ao aminao intsony. Ireo mpanao asa-tanana isan-karazany dia tsy hita ao aminao intsony. Tsy hisy feon'ny vato fikosoham-bary ho re intsony eo aminao. <sup>23</sup> Ny fahazavan'ny jiro, dia tsy hamirapiratra ao aminao intsony. Ireo feon'ny mpampakatra sy ampakarina dia tsy ho re ao aminao intsony, fa ny mpivarotrareo no andrian'ny tany, ary ireo firenena dia voafitaka tamin'ny famosavinareo. <sup>24</sup> Tao aminy no nahitana ny ràn'ilay mpaminany, sy ireo mpino, ary ny ràn'ireo rehetra izay voavono teto an-tany."

### Revelation 18:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Anjely hafa no nidina avy any an-danitra ary niteny. Anjely hafa io fa tsy ilay anjely iray ao amin'ny toko 17, izay miresaka momba an'ilay mpijangajanga sy ilay bibi-dia.

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ny hoe: "izy" sy "-ny" dia maneho ny tanànan'i Babilona, izay resahina toy ny hoe mpijangajanga.

#### Nianjera, nianjera ilay Babylona lehibe

Ilay anjely dia niresaka momba an'i Babylona potika toy ny hoe nianjera. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 14:08

**vorona marikoriko**

"vorona ratsy endrika" na "vorona tsy maha-te ho tia"

**ny firenena rehetra**

Ny firenena dia hevitra ambadiky ny olona ao amin'ireo firenena. DH: "ny olona amin'ny firenena rehetra"

**dia nisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony**

Izany dia famantarana ny fandraisana anjara tamin'ny fitondran-tena malotony. DH: "lasa mpijangajanga toa azy" na "lasa mamon'ny fahotana ara-piraisana ara-nofa toa azy"

**ny fitondran-tena malotony**

Babilona dia resahina toy ny hoe mpijangajanga izay mahatonga ny olona hafa hanota miaraka aminy. Mety misy dikany roa izany: fijangajangana ara-bakiteny ary ihany koa fanompoana andriamanitra sandoka.

**tamin'alalan'ny fomba fiainany amin'ny nofo**

"satria izy dia nandany vola be tamin'ny fijangajangana"

**Revelation 18:4****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Nisy feo hafa avy any an-danitra nanomboka niteny.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny hoe: "izy" sy "-ny" dia maneho ny tanànan'i Babilona, izay resahina toy ny hoe mpijangajanga.

**feo hafa**

Ny teny hoe: "feo" dia maneho an'ilay miresaka, izay mety hoe na Jesosy na ny Ray. DH: "olon-kafa"

**Efa nihangona tahaka ny ahavon'ny lanitra ireo fahotany**

Ilay feo miteny ireo fahotan'i Babilona toy ny hoe zavatra izay afaka ataingitaingina. DH: "Ireo fahotany dia betsaka tokoa ka tahaka ny zavatra mifampitaingina izay mahatakatra ny lanitra"

**mahatsiaro**

"mieritreritra" na "manomboka mifantoka amin'ny." Izany dia tsy midika hoe nahatadidy zavatra izay adinony Andriamanitra.

**Mamalia azy tahaka ny namalian'ny hafa**

Ilay feo miteny ny fanasaziana toy ny hoe famaliana. DH: "Sazio tahaka ny nanasaziany ny hafa izy"

**valio avy roa eny**

Ilay feo miteny ny fanasaziana toy ny hoe famaliana. DH: "ataovy avo roa eny ny saziny"

**tao amin'ny kapoka izay efa nofenoiny, dia fenoy avo roa eny ho azy**

Ilay feo miteny ny antony mahatonga ny hafa hijaly toy ny hoe manomana divay mahery mba hosotroin'izy ireo. DH: "manaova divain'ny fijaliana

ho azy izay mahery avy roa eny noho izay nataony ho an'ny hafa" na "ataovy mijaly avo roa heny noho izay nampijaliany ny hafa izy"

**fenoy avo roa eny**

Ireo mety ho dikany: 1) "manomana avo roa heny" na "ataovy avy roa heny ny heriny"

**Revelation 18:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Mbola manohy miteny momba an'i Babilona toy ny hoe vehivavy iray ilay feo iray avy any an-danitra.

**nanome voninahitra ny tenany**

"ny olon'ny Babilona nanome voninahitra ny tenan'izy ireo"

**Nipetraka toy ny mpanjaka vavy aho**

Nanambara ny tenany ho mpanjaka izy, izay manana ny fahefany manokana.

**Tsy maty vady aho**

Izy dia manambara fa tsy hiankin-doha amin'ny olona hafa.

**ho avy amin'ny andro iray ireo areti-mandringany**

Ny ho avy dia resahina toy ny hoe fahatongavana.

**Hodoran'ny afo izy**

Ny main'ny afo dia resahina toy ny hoe lanin'ny afo. Afaka atao hoe: "Handoro azy tanteraka ny afo"

**Revelation 18:9****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jaona dia miteny izay lazain'ny olona momba an'i Babilona.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'ity andininy ity ny hoe: "-ny" dia maneho ny tanànan'i Babilona.

**nijangajanga sy nandeha tsy am-pieritreretana niaraka taminy**

"nanota ara-piraisana ara-nofa ary nanao izay tian'izy ireo tahaka izay nataon'ny olon'ny Babilona"

**hatahotra ny fijaliany**

Afaka atao hoe: "hatahotra fa hijaly tahaka an'i Babilona izy ireo" na "hatahotra fa Andriamanitra dia hampijaly azy ireo tahaka ny fampijaliany an'i Babilona"

**Loza, loza**

Miverimberina io mba ho fanamafisan-teny.

**ho avy ny sazinareo**

Ny ho avy dia resahina toy ny hoe tonga.

**Revelation 18:11****misaona ho azy**

"misaona ho an'ny olon'ny Babilona"

**vato sarobidy, firavaka**

"karazam-bato lafo vidy" Jereo izay nandikanao ireo ao amin'ny 17:3.

**lamban-drongony**

lamba lafo vidy vita amin'ny hariry.

**volomparasy**

"lamba volomparasy"

**landy**

lamba malefaka, matanjaka vita amin'ny tady manify izay ataon'ny bibilandy rehefa manao ny tranony izy. DH: "lamba lafo vidy" na "lamba manify" na "lamba tsara tarehy"

**mena**

"lamba mena"

**ny fanaka ivoira**

"karazana fanaka vita amin'ny ivoara"

**ivoara**

fitaovana tsara tarehy fotsy sy mafy izay azon'ny olona avy amin'ny nifin'ny biby lehibe tahaka ny elefanta. DH: "nify be" na "nify sarobidin'ny biby"

**marbra**

vato fanorenana sarobidy

**kanelina**

hanitra izay tsara fofona avy amin'ny hodi-kazon'ny karazana zava-maniry iray.

**hanitra**

zavatra ampiasaina mba hampatsiro sy hampamanitra ny sakafo

**Revelation 18:14****Ny vokatra**

Izy ireo dia miresaka ny zavatra tsara toy ny hoe vokatra. DH: "Ireo zavatra tsara"

**izay tinao tamin'ny herinao rehetra**

"tiana fatratra"

**tsy ho hita intsony mandrakizay**

Afaka atao hoe: "tsy hanana azy ireny intsony ianao mandrakizay"

**Revelation 18:15****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'ireto andininy ireto, ny hoe: "-ny" dia maneho ny tanànan'i Babilona.

**nohon'ny fatahorana ny fijaliany**

Ny anarana hoe: "fatahorana" dia afaka aseho amin'ny fehezanteny izay milaza hoe iza no mahatsapa ny fatahorana sy ny fijaliana. DH: "satria hatahotra ny amin'ny fomba hijaliany izy ireo."

**hitomany sy hisaona mafy**

Izany no ho ataon'ireo mpivarotra. DH: "ary hitomany sy hisaona mafy izy ireo"

**ilay tanàna lehibe izay niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara**

Amin'io toko iray manontolo io, Babilona dia resahina toy ny hoe ilay vehivavy. Ireo mpivarotra dia miteny an'i Babilona toy ny hoe niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara satria ny olony dia niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara. DH: "ilay tanàna lehibe, izay tahaka ny vehivavy iray niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara" na "ilay tanàna lehibe, izay ny vehivavy ao aminy dia niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara"

**ary noravahana tamin'ny volamena**

Afaka atao hoe: "ary nandravaka ny tenany tamin'ny volamena" na "ary nandravaka ny tenan'izy ireo tamin'ny volamena" na "niakanjo volamena"

**firavaka sarobidy**

"harena sarobidy"

**vatosoa**

vakana tsara tarehy sy sarobidy. Izy ireny dia miforona ao anatin'ny akoran'ny karazana biby kely iray izay miaina any anaty ranomasina. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 17:3.

**izay rehetra monina an-dranomasina**

Ny teny hoe: "avy ao an-dranomasina" dia maneho izay ataon'izy ireo ao an-dranomasina. DH: "izay mandeha an-dranomasina ho an'ny fahaveloman'izy ireo" na "izay mivezivezy any an-dranomasina any amin'ny toerana samihafa mba hivarotra zavatra"

**Revelation 18:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'ireto andininy ireto ny teny hoe: "izy ireo" dia maneho ireo tantsambo, ary ny hoe: "-ny" dia maneho ny tanànan'i Babilona.

**Tanàna inona no toy ny tanàna lehibe**

Io fanontaniana io dia maneho ny lanjan'ny tanànan'i Babilona amin'ny olona. DH: "tsy misy tanàna hafa mitovy amin'ilay tanàna lehibe, dia i Babilona"

**Andriamanitra nitondra ny fitsaranareo taminy**

Ny anarana hoe: "fitsarana" dia azo atao hoe: "mitsara." DH: "Andriamanitra dia nitsara azy ho anareo" na "Andriamanitra dia nitsara azy nohon'ny zavatra ratsy nataony anareo"

**Revelation 18:21****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Anjely hafa no manomboka miteny momba an'i Babilona. Anjely hafa indray io fa tsy ireo izay niteny teo aloha.

**vato**

vato boribory goavam-be izay ampiasaina mba hanorotoroana ny voa

**Babylona, ilay tanàna lehibe, harodana arahina herisetra, ary tsy ho hita intsony**

Andriamanitra dia hanimba tanteraka an'ilay tanàna. Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia hanjera an-kerisetra an'i Babilona, ilay tanàna lehibe, ary tsy hisy intsony izany"

**ary tsy ho hita intsony**

"ary tsy misy na iza na iza hahita izany intsony." Ny hoe tsy hita eto dia midika hoe tsy misy. DH: "tsy hisy intsony"

**Ilay feo nataon'ireo lokanga, mpitendry mozika, mpitsoka sodina, sy trompetra dia tsy ho re ao aminao intsony**

Afaka atao hoe: "Tsy hisy na iza na iza ao amin'ny tanànanareo handre ny feo ataon'ireo lokanga, mpitendry mozika, mpitsoka sodina, sy trompetra intsony"

**ao aminao**

Ilay anjely miteny toy ny hoe Babilona no nihaino azy. DH: "tao amin'i Babilona"

**Tsy misy ho re intsony ao aminao**

"tsy misy na iza na iza handre azy ireo intsony." Ny hoe tsy re eto dia midika fa izy ireo dia tsy ho eo. DH: "izy ireo dia tsy ho eo amin'ny tanànanareo intsony"

**Ireo mpanao asa-tanana isan-karazany dia tsy hita ao aminao intsony**

Ny hoe tsy hita eto dia midika fa izy ireo dia tsy ho eo. DH: "Tsy hisy mpanao asa-tanana isan-karazany ho eo amin'ny tanànanareo"

**Tsy hisy feon'ny vato fikosoham-bary ho re intsony eo aminao**

Ny feon-javatra izay tsy heno dia midika fa tsy misy na iza na iza manao ilay feo. DH: "Tsy misy na iza

na iza hampiasa ny fikosoham-bary ao amin'ny tanànanareo"

**Revelation 18:23**

**Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tapitra ny fitenenan'ilay anjely izay nanipy ny vato.

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ny hoe: "-nao," "-nareo," ary "-ny" dia maneho an'i Babilona.

**Ireo feon'ny mpampakatra sy ampakarina dia tsy ho re ao aminao intsony**

Izany dia afaka atao hoe: "Tsy misy na iza na iza handre ny feon'ny hafalian'ny mpampakatra sy ny ampakarina intsony ao Babilona"

**tsy ho re ao aminao intsony**

"tsy hisy na iza na iza handre azy ireo ao aminao intsony." Ny hoe tsy re eto dia midika fa tsy ho eo izy ireo. DH: "tsy ho ao amin'ny tanànanareo intsony"

**ny mpivarotrareo no andrian'ny tany**

Ilay anjely dia miteny ny lanja sy herin'ny olona toy ny hoe zanaka mpanjaka izy ireo. DH: "ny mpivarotrareo dia tahaka ny zanaka mpanjakan'ny tany" na "ny mpivarotrareo no olona manan-danja indrindra eto an-tany"

**ireo firenena dia voafitaka tamin'ny famosavinareo**

Afaka atao hoe: "ianareo dia namitaka ny olona teto amin'ny firenena tamin'ny famosavianareo"

**Tao aminy no nahitana ny rànilay mpaminany, sy ireo mpino, ary ny rànilay rehetra izay voavono teto an-tany**

Ny rà izay hita dia midika fa ny olona teny dia meloka amin'ny famonoana olona. DH: "Babilona dia meloka amin'ny famonoana ireo mpaminany sy ireo mpino ary ny olon-kafa rehetra izay novonoina teto an-tany "

## Chapter 19

<sup>1</sup> Taorian'ireo zavatra ireo dia nandre izay toy ny feo mafin'ny vahoaka maro isa tany an-danitra aho nanao hoe: "Aleloia. Ny famonjena, ny voninahitra, ary ny hery dia an'Andriamanitsika." <sup>2</sup> Ireo fitsarany dia marina sy mahitsy, fa nitsara ny mpivaro-tena lehibe izay nanaratsy ny tany tamin'ny fijangajangany izy. Namaly faty ny ràn'ireo mpanompony, izay nalatsany izy." <sup>3</sup> Niteny fanindroany izy ireo hoe: "Aleloia! Ny setroka dia miakatra avy aminy mandrakizay doria." <sup>4</sup> Ireo loholona efatra amby roapolo sy ireo zava-manan'aina efatra dia niankohoka ary nanompo an'Andriamanitra izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana. Hoy izy ireo: "Amena. Aleloia!" <sup>5</sup> Dia nisy feo nivoaka avy tao amin'ny seza fiandrianana, nanao hoe: "Derao Andriamanitsika, ianareo rehetra mpanompony, ianareo izay matahotra Azy, na ny tsy manan-danja na ny mahery." <sup>6</sup> Dia nandre izay toy ny feon'ny olona maro isa, toy ny firohondrohon'ny rano maro, sy toy ny fianjeran'ny kotroka mafy aho, nanao hoe: "Aleloia! Fa manjaka ny Tompo, Andriamanitra izay manapaka amin'ny rehetra." <sup>7</sup> Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ary hanome voninahitra Azy satria tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ary ny ampiakarin'ny efa niomana. <sup>8</sup> Nomena alalana hiakanjo lamba rongony mampiratra sy madio izy" (fa ny lamba rongony dia ireo asa marin'ireo olo-masina). <sup>9</sup> Ilay anjely niteny tamiko hoe: "Soraty izao: Sambatra ireo izay nasaina tamin'ny fety fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Niteny tamiko koa izy hoe: "Ireo dia teny marin'Andriamanitra." <sup>10</sup> Niankohoka teo amin'ny tongony mba hanompo azy aho, fa hoy izy tamiko: "Aza manao izao! Izaho dia mpiara-manompo aminao sy ireo rahalahinao izay mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy. Manompoa an'Andriamanitra, fa ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy dia ny fanahin'ny faminaniana." <sup>11</sup> Dia nahita ny lanitra nisokatra aho ary nijery ka nisy soavaly fotsy. Ilay mpitaingina izany dia nantsoina hoe mahatoky sy marina. Amin'ny fahamarinana no hitsarany sy hiadiany. <sup>12</sup> Ireo masony dia toy ny lelan'afo afo, ary eo amin'ny lohany misy satro-boninahitra maro. Manana anarana voasoratra eo aminy izay tsy misy mahafantatra afa-tsy izy ihany izy. <sup>13</sup> Miakanjo akanjo lava izay natsoboka tao amin'ny rà izy, ary ny anarany dia nantsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra. <sup>14</sup> Ireo tafiky ny lanitra dia nanaraka azy tamin'ny soavaly fotsy, miakanjo lamba rongony, fotsy sy madio. <sup>15</sup> Avy ao amin'ny vavany no mivoaka ny sabatra maranitra izay amin'izany no hamelezany ireo firenena, ary hanapaka azy ireo amin'ny tehina vy izy. Manitsaka ao amin'ny famiazan'ny fahaviniran'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha izy. <sup>16</sup> Manana anarana voasoratra eo amin'ny akanjo lavany eo amin'ny feny izy hoe: "Mpanjakan'ireo mpanjaka sy Tompon'ireo tompo." <sup>17</sup> Nahita anjely nitsangana teo amin'ny masoandro aho. Niantso tamin'ny feo mahery ireo vorona manidina ambony rehetra izy hoe: "Avia, miangona ho an'ny fety lehiben'Andriamanitra. <sup>18</sup> Avia ihinana ny nofon'ireo mpanjaka, ny nofon'ireo mpitari-tafika, ny nofon'ireo lehilahy mahery, ny nofon'ireo soavaly sy ireo mpitaingina izany, ary ny nofon'ny lehilahy rehetra, ny afaka sy ny andevo, ny tsy manan-danja sy ny mahery." <sup>19</sup> Nahita ny bibi-dia sy ireo mpanjakan'ny tany niaraka tamin'ny tafik'izy ireo aho. Niangona izy ireo mba hiady amin'ny iray izay nitaingina ny soavaly sy amin'ny tafiny. <sup>20</sup> Voasambotra ilay bibi-dia ary niaraka taminy ny mpaminany sandoka izay nanao ireo famantarana teo anatrehany. Tamin'ireo famantarana ireo no namitahany ireo izay nandray ny mariky ny bibi-dia sy ireo izay nanompo ny sariny. Izy roa ireo dia natsipy velona tao anaty farihin'afo mirehitra solifara. <sup>21</sup> Ny ambin'izy ireo dia novonoina tamin'ny sabatra izay nivoaka ny vavan'ny iray izay nitaingina ny soavaly. Ny vorona rehetra nihinana ny nofo mangatsiakan'izy ireo.

### Revelation 19:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ity dia tapany manaraka amin'ny fahitan'i Jaona. Eto izy dia mamaritra ny fankalazana ny fianjeran'ilay mpijangajanga lehibe, izay tanànan'i Babilona.

#### nandre ... aho

Eto ny hoe: "aho" dia maneho an'i Jaona.

#### Aleloia

Io teny io dia midika hoe: "Midera an'Andriamanitra" na "Ndeha isika hidera an'Andriamanitra."

#### mpivaro-tena lehibe

Eto Jaona dia maneho an'ilay tanànan'i Babilona izay olona ratsy fanahy no mitondra ny olon'ny tany rehetra ary mitarika azy ireo hanompo andriamanitra sandoka. Izy dia miteny an'ireo olona ratsy fanahin'i Babilona toy ny mpivaro-tena lehibe.

#### izay nanaratsy ny tany

Eto ny hoe: "ny tany" dia hevitra ambadiky ny mponina ao aminy. DH: "izay nanaratsy ny olon'ny tany"

**ny ràn'ireo mpanompony**

Eto ny hoe: "ny rà" dia hevitra ambadika izay maneho ny mpamono. DH: "mpamono ireo mpanompony"

**nalatsany izy**

Izany dia maneho an'i Babilona. Ny hoe: "-ny" arahin'ny mpisolo tena "izy" dia ampiasaina mba ho fanamafisan-teny.

**Revelation 19:3****Niteny fanindroany izy ireo**

Eto ny hoe: "izy ireo" dia maneho ny vahoaka any an-danitra.

**Aleloia**

Io teny io dia midika hoe: "Midera an'Andriamanitra" na "Ndeha isika hidera an'Andriamanitra." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 19:1.

**Ny setroka dia miakatra avy aminy**

Afaka ampidirana eo ny teny tsy ampy. DH: "setroky ny afo izay nandoro io tanàna io dia hiakatra"

**avy aminy mandrakizay doria**

"avy amin'ny mpanompo sampy mandrakizay doria" na "avy amin'ireo izay nivarotra ny tenan'izy ireo ka hijaly mandrakizay"

**avy aminy**

Eto ny hoe: "-ny" dia maneho an'i Babilona.

**Ireo loholona efatra amby roapolo**

"loholona 24."

**Revelation 19:5****nisy feo nivoaka avy tao amin'ny seza fiandrianana**

Eto Jaona dia miresaka ny "feo" toy ny hoe olona iray. DH: "olona iray niteny avy eo amin'ny seza fiandrianana"

**Derao Andriamanitsika**

Eto ny hoe: "-tsika" dia maneho an'ily miteny sy ny mpanompon'Andriamanitra rehetra.

**ianareo izay matahotra Azy**

Eto ny hoe: "matahotra" dia tsy midika hoe matahotra an'Andriamanitra, fa manome voninahitra Azy. DH: "ianareo rehetra izay manome voninahitra Azy"

**na ny tsy manan-danja na ny mahery**

Ilay mpiteny dia mampiasa an'ireo teny ireo miaraka mba hidika hoe ny olon'Andriamanitra rehetra.

**Revelation 19:6****Dia nandre izay toy ny feon'ny olona maro isa, toy ny firohondrohon'ny rano maro, sy toy ny fianjeran'ny kotroka mafy aho**

Jaona dia miteny izay reny toy ny hoe feom-bahoaka maro, ny fikorinan'ny rano, ary kotroka faran'izay mafy.

**Aleloia**

Io teny io dia midika hoe "Midera an'Andriamanitra" na "Ndeha hidera an'Andriamanitra isika" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 19:1.

**Fa ... ny Tompo**

"Satria ... ny Tompo"

**Revelation 19:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay feon'ny vahoaka tao amin'ny andininy teo aloha dia manohy miteny.

**Aoka isika hifaly**

Eto ny hoe: "isika" dia maneho ireo mpanompon'Andriamanitra rehetra.

**hanome Azy voninahitra**

"Manome voninahitra an'Andriamanitra"

**ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ary ny ampiakariny efa niomana**

Eto Jaona dia miresaka ny fampifandraisana an'i Jesosy sy ireo olony hiaraka mandrakizay toy ny hoe fampakaram-bady.

**ny Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

**ny ampiakariny efa niomana**

Jaona dia miresaka ny olon'Andriamanitra toy ny hoe ilay ampiakarina izay efa vonona amin'ny fanambadiana.

**Nomena alalana hiakanjo lamba rongony mamiratra sy madio izy**

Eto ny hoe: "izy" dia maneho an'ireo olon'Andriamanitra. Jaona dia miresaka ny asa marin'ny olon'Andriamanitra toy ny hoe akanjo mamiratra sy madio izay hanaovan'ny ampakarina amin'ny andron'ny fanambadiany. DH: "Andriamanitra dia hanome alalana azy hiakanjo lamba rongony madio sy mamiratra"

**Revelation 19:9****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Anjely iray manomboka miteny amin'i Jaona. Io anjely io dia ilay anjely izay manomboka miteny amin'i Jaona ao amin'ny 17:1 ihany.

**ireo izay nasaina**

Afaka atao hoe: "ireo olona izay nasain'Andriamanitra"

**tamin'ny fety fampakaram-badin'ny Zanak'ondry**

Eto ilay anjely dia miresaka ny fampifandraisana an'i Jesosy sy ireo olony mandrakizay toy ny hoe fetin'ny fampakaram-bady.

**Niankohoka teo amin'ny tongony mba hanompo azy aho**

Ny hoe mampiankohoka ny tena dia miankohoka amin'ny tany, miondrika ambany, mba ho fanehoana fanajana sy sitrapo hanompo.

**ireo rahalahinao**

Ny teny hoe: "rahalahy" eto dia maneho ny mpino rehetra, lehilahy sy vehivavy.

**izay mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy**

Eto ny hoe mitana dia maneho ny finoana amin'ny na fanambarana. DH: "izay miteny ny marina momba an'i Jesosy"

**ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy dia ny fanahin'ny faminaniana**

Eto ny hoe: "fanahin'ny faminaniana" dia maneho ny Fanahy Masin'Andriamanitra. DH: "satria izany dia fanahin'Andriamanitra izay manome ny olona ny hery hilaza ny marina momba an'i Jesosy"

**Revelation 19:11****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Izany dia fiatombohan'ny fahitana vaovao. Jaona dia manomboka mamaritra ilay mpitaingina ilay soavaly fotsy.

**Dia nahita ny lanitra nisokatra aho**

Izany sarisary izany dia ampiasaina mba hanamarihana ny fiatombohan'ny fahitana vaovao.

**Ilay mpitaingina izany**

Ilay mpitaingina dia i Jesosy.

**Amin'ny fahamarinana no hitsarany**

Eto ny hoe: "fitsarana" dia maneho izay marina. DH: "Izy dia hitsara ny olona rehetra araka izay marina"

**Ireo masony dia toy ny lelan'afo**

Jaona dia miteny ireo mason'ny mpitaingina toy ny hoe mazava tahaka ny lelan'afo.

**Manana anarana voasoratra eo aminy**

Afaka atao hoe: "Nisy olona iray nanoratra anarana teo aminy"

**izay tsy misy mahafantatra afa-tsy izy ihany**

"Izy irery ihany no mahafantatra ny dikan'ilay anarana"

**Miakanjo akanjola izay natsoboka tao amin'ny rà**

Afaka ataonao hoe: DH: "Feno rà ny akanjo lavany"

**ny anarany dia nantsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra**

Afaka ataonao hoe: DH: "ny anarany ihany koa dia ny Tenin'Andriamanitra"

**Revelation 19:14****Avy ao amin'ny vavany no mivoaka ny sabatra maranitra**

Nivoaka avy eo amin'ny vavany ny sabatra maranitra. Tsy nihetsika ilay sabatra.

**hamelezany ireo firenena**

"hamotika ireo firenena" na "hitondra ireo firenena ho eo ambany fahefany"

**hanapaka azy ireo amin'ny tehina vy**

Jaona dia miresaka ny herin'ilay mpitaingina toy ny hoe mitondra amin'ny tehina vy izy.

**Manitsaka ao amin'ny famiazan'ny fahaviniran'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha izy**

Jaona dia miresaka ny famotehan'ilay mpitaingina ireo fahavalony toy ny hoe nisy voaloboka izay hitsakitsahan'ny olona iray ao amin'ny famiazana. Eto ny hoe: "fahatezerana" dia maneho ny fanasazian'Andriamanitra ny olona ratsy. DH: "Izy dia hanitsaka ireo fahavalony araky ny fitsaran'Andriamanitra Tsitoha, tahaka ny hanitsahan'ny olona iray ny voaloboka ao amin'ny famiazana"

**Manana anarana voasoratra eo amin'ny akanjolahany eo amin'ny feny izy hoe:**

Izany dia afaka atao hoe: "Nisy olona iray nanoratra anarana teo amin'ny akanjolahany sy teo amin'ny feany hoe:"

**Revelation 19:17****Nahita anjely nitsangana teo amin'ny masoandro aho**

Eto ny hoe: "ny masoandro" dia hevitra ambadiky ny hazavan'ny masoandro. DH: "Avy eo dia nahita anjely iray izay nitsangana teo amin'ny hazavan'ny masoandro aho"

**na afaka na andevo, ny tsy manan-danja sy ny mahery**

Ilay anjely dia mampiasa miaraka ireo teny roa mifanohitra ireo mba hidika hoe ny olona rehetra.

**Revelation 19:19****Voasambotra ilay bibi-dia ary niaraka taminy ny mpaminany sandoka**

Afaka atao hoe: "Ilay mpitaingina ilay soavaly fotsy dia nahasambotra an'ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka"

**ny mariky ny bibi-dia**

Marika maneho fa miankohoka amin'ilay bibi-dia ny olona iray. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 13:15.



**Izy roa ireo dia natsipy velona**

Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanipy velona an'ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka"

**farihin'afo mirehitra solifara**

"toerana feno afo mirehitra solifara"

**Revelation 19:21**

**Ny ambin'izy ireo dia novonoina tamin'ny sabatra izay nivoaka ny vavan'ny iray izay nitaingina ny soavaly**

Afaka atao hoe: "Ilay mpitaingina soavaly dia namono ny ambin'ireo tafiky ny bib-idia tamin'ny sabatra izay nivoaka avy tao amin'ny vavany"

**ny sabatra izay nivoaka ny vavany**

Nivoaka avy eo amin'ny vavany ny sabatra maranitra. Tsy nihetsika ilay sabatra.

---

## Chapter 20

<sup>1</sup> Ary nahita anjely nidina avy tany an-danitra aho. Nanana ny fanalahidin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, ary nanana rojo vy lehibe teny an-tanany. <sup>2</sup> Nisambotra an'ilay dragona izy, ny menarana fahiny, ilay devoly, na satana, ary nofatorany arivo taona. <sup>3</sup> Natsipiny tany amin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, nohidiny izany ary nasina tombo-kase teo aminy. Natao izany mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona. Aorian'izany, dia tsy maintsy havotsotra fotoana kelikely izy. <sup>4</sup> Ary nahita seza fiandrianana maro aho. Nipetraka teo amboniny ireo izay nomena fahefana mitsara. Nahita ny fanahin'ireo izay notapahin-doha aho noho ny fijoroana vavolombelona mahakasika an'i Jesosy ary nohon'ny tenin'Andriamanitra. Tsy niankohoka tamin'ny bibi-dia na tamin'ny sariny izy ireo, ary izy ireo dia nandà ny handray ny mariky ny bibi-dia teo amin'ny handriny na teo amin'ny tanany. Tonga velona indray izy ireo, ary nanjaka niaraka tamin'i Kristy nandritran'ny arivo taona. <sup>5</sup> Ny ambin'ireo maty dia tsy velona mandra-pahatapitry ny arivo taona. Izany no fitsanganana voalohany. <sup>6</sup> Sambatra ary masina izay olona manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany! Eo anatrehan'izany dia tsy manan-kery ny fahafatesana faharoa. Izy ireo dia ho mpisorona an'Andriamanitra sy Kristy ary hanjaka miaraka Aminy mandritran'ny arivo taona. <sup>7</sup> Rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana ao amin'ny tranomaiziny Satana. <sup>8</sup> Hivoaka izy mba hamitaka ny firenena maro eny amin'ny vazan-tany efatra—Goga sy Magoga—mba hitondra azy ireo miaraka ho any amin'ny ady. Izy ireo dia ho betsaka tahaka ny fasiky ny ranomasina. <sup>9</sup> Niakatra teo ambonin'ny tany lemaka izy ireo ary nanodidina ny tobin'ireo mpino, ilay tanàna malala. Nefa nisy afo nidina avy tany an-danitra ary nandripaka azy ireo. <sup>10</sup> Ny devoly, izay namitaka azy ireo, dia natsipy tao amin'ny farihy afo solifara, toerana izay hanipazana ny bibi-dia sy ny mpaminany sandoka. Ary ho ampijaliana andro aman'alina mandrakizay ary mandrakizay izy ireo. <sup>11</sup> Ary nahita seza fiandrianana fotsy lehibe aho sy ilay nipetraka teo amboniny. Ny tany sy ny lanitra dia nandositra ny fanatrehany, kanefa tsy nisy toerana andehanan'izy ireo. <sup>12</sup> Nahita ny maty aho—ny lehibe ary ny kely—nijoro teo anoloan'ny seza fiandrianana, ary novelarina ireo boky. Ary nisy boky anankiray novelarina—Ny Bokin'ny Fiainana. Ny maty dia notsaraina araka izay voasoratra tao amin'ireo boky, araka ireo asany. <sup>13</sup> Ny ranomasina namoaka ny maty izay tao anatiny. Ny fahafatesana sy ireo fiainan-tsy hita dia namoaka ny maty izay tao amin'izy ireo, ary ny maty dia notsaraina araka ny zavatra nataony. <sup>14</sup> Ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tao amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa—dia ny farihy afo. <sup>15</sup> Raha nisy anarana tsy hita voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainana, dia natsipy tao amin'ny farihy afo.

### Revelation 20:1

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany anjely iray izay manipy devoly ao anatin'ny lavaka tsy hita noanoa.

#### Ary nahita ... aho

Eto ny hoe: "aho" dia maneho an'i Jaona.

#### lavaka tsy hita noanoa

Lavaka lalina sy tery. Ireo mety ho dikany 1) ny lava-drano dia tsy misy fiafarana; fa miha-midina lalina mandrakizay na 2) lalina tokoa ny lava-drano toy ny hoe tsy misy fiafarana izany.

#### dragona

biby mandady lehibe, masiaka, tahaka ny androngo. Ho an'ny olona Jiosy, izany dia famantarana ny ratsy sy ny fikorontanana.

#### nohidiny izany

Ilay anjely nanidy ny lava-drano mba tsy hisy olona hamoha izany. DH: "nanidy izany mba tsy hisy olona hamoha azy"

#### hamitahany ny firenena maro

Eto ny hoe: "ireo firenena" dia hevitra ambadiky ny olona eto an-tany. DH: "namitaka ireo vondron'olona"

#### arivo taona

"1000 taona"

#### tsy maintsy havotsotra

Afaka atao hoe: "Andriamanitra hibaiko ny anjely mba hamotsotra azy"

### Revelation 20:4

#### Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:

Ampahany manaraka amin'ny fahitan'i Jaona ity. Izy dia mamaritra fa nahita tampoka seza fiandrianana sy fanahin'ireo mpino.

#### izay nomena fahefana mitsara

Afaka atao hoe: izay nomen'Andriamanitra fahefana mitsara"

#### izay notapahin-doha

Afaka atao hoe: "ireo izay notapahin'ireo hafa ny lohany"

**ny fijoroana vavolombelona mahakasika an'i Jesosy**  
 "satria nilaza ny marina momba an'i Jesosy izy ireo"

**Tonga velona indray izy ireo**  
 "Velona indray izy ireo"

## Revelation 20:5

**Ny ambin'ireo maty**  
 "Ireo olona maty hafa rehetra"

**mandra-pahatapitry ny arivo taona**  
 "faran'ny 1000 taona"

**Eo anatrehan'izany dia tsy manan-kery ny fahafatesana faharoa**

Eto Jaona dia mamaritra ny "fahafatesana" ho olona iray manana fahefana. DH: "Ireo olona ireo dia tsy hiaina ny fahafatesana faharoa"

**ny fahafatesana faharoa**  
 "fahafatesana fanindroany." Faritana ho fanasaziana mandrakizay ao amin'ny farihin'ny afo ao amin'ny 20:13 ary 21:17 izany. DH: "fahafatesana farany ao amin'ny farihin'ny afo." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:10.

## Revelation 20:7

**hovahana ao amin'ny tranomaiziny Satana**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia hamaha an'i Satana ao amin'ny tranomaiziny"

**amin'ny vazan-tany efatra**  
 Izany dia fomba fiteny izay midika hoe: "izay rehetra ambonin'ny tany." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 7:1.

**Goga sy Magoga**  
 Anarana izay ampiasain'ny mpaminany Ezekiela hanehoana tanàna lavitra.

**Izy ireo dia ho betsaka tahaka ny fasiky ny ranomasina**  
 Izany dia manamafy ny habetsaky ny isan'ireo miaramila ao amin'ny tafik'i Satana.

## Revelation 20:9

**Niakatra ... izy ireo**  
 "Ireo tafik'i Satana niakatra"

**ilay tanàna malala**  
 Izany dia maneho an'i Jerosalema.

**nisy afo nidina avy tany an-danitra ary nandripaka azy ireo**  
 Eto Jaona dia miresaka ny afo toy ny hoe velona izany. DH: "Andriamanitra dia nandefa ny afo avy any an-danitra handoro azy ireo"

**Ny devoly, izay namitaka azy ireo, dia natsipy**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra nanipy ilay devoly izay namitaka azy ireo" na "Ny

anjelin'Andriamanitra nanipy ilay devoly, izay namitaka azy ireo,"

**farihy afo solifara**  
 "farihin'ny afo izay mandoro amin'ny solifara" na "toerana feno afo izay mandoro amin'ny solifara." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 19:19.

**toerana izay hanipazana ny bibi-dia sy ny mpaminany sandoka**  
 Afaka atao hoe: "toerana izay nanipazany ny bibi-dia sy ny mpaminany sandoka ihany koa"

**Ho ampijaliana ... izy ireo**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra hampijaly azy ireo"

## Revelation 20:11

**Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**  
 Ity no tapany manaraka amin'ny fahitan'i Jaona. Izy dia mamaritra ny fahitany tampoka seza fiandrianana fotsy lehibe sy ireo maty izay notsaraina.

**Ny tany sy ny lanitra dia nandositra ny fanatrehany, kanefa tsy nisy toerana andehanan'izy ireo**  
 Jaona dia mamaritra ny lanitra sy ny tany toy ny olona izay miezaka mandositra ny fitsaran'Andriamanitra. Izany dia midika fa Andriamanitra dia hamotika tanteraka ny lanitra sy tany fahiny.

**ny lehibe ary ny kely**  
 Jaona dia manambatra ireo teny mifanohitra ireo mba hanehoana ny olona maty rehetra.

**nisy boky anankiray novelarina**  
 Afaka atao hoe: "nisy olona iray namelatra ny boky"

**Ny maty dia notsaraina**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia hitsara ny olona izay maty sy velona indray ankehitriny"

## Revelation 20:13

**Ny ranomasina namoaka ny maty izay tao anatiny. Ny fahafatesana sy ireo fiainan-tsy hita dia namoaka ny maty**  
 Eto Jaona dia miresaka ny ranomasina, ny fahafatesana, ary ny fiainan-tsy hita toy ny hoe olona velona ireo.

**ary ny maty dia notsaraina**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra nitsara ireo olona maty"

**Ny fahafatesana sy fiainan-tsy hita dia natsipy**  
 Afaka atao hoe: "Andriamanitra dia nanipy ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita" na "Ny anjelin'Andriamanitra dia nanipy ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita"

**ny fiainan-tsy hita**

Eto ny hoe "fiainan-tsy hita" dia hevitra ambadika izay maneho ny toerana handehanan'ireo tsy mpino hiandrasan'izy ireo ny fitsaran'Andriamanitra rehefa maty izy ireo.

**fahafatesana faharoa**

"fahafatesana fanindroany." Faritana ho fanasaziana mandrakizay ao amin'ny farihin'ny afo ao amin'ny 20:13 ary 21:17 izany. DH: "fahafatesana farany ao

amin'ny farihin'ny afo." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:10.

**Raha nisy anarana tsy hita voasoratra ao amin'ny**

Afaka atao hoe: "Raha tsy hitan'ny anjelin'Andriamanitra ny anaran'ny olona iray"

**dia natsipy tao amin'ny farihy afo**

Afaka atao hoe: "ilay anjely hanipy azy ao anatin'ny farihin'ny afo" na "ilay anjely hanipy azy ao amin'ny toerana izay handoroan'ny afo mandrakizay"

## Chapter 21

<sup>1</sup> Avy eo aho nahita lanitra vaovao sy tany vaovao, fa foana ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary tsy nisy intsony ny ranomasina. <sup>2</sup> Hitako ilay tanàna masina, Jerosalema vaovao, izay nidina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitra, voamana tahaka ny ampakarina ampihaingoana ho an'ny vadiny. <sup>3</sup> Nandre feo mahery avy any amin'ny seza fiandrianana aho manao hoe: "Indro! Eo amin'ny olona ny toeran'ny tabernakelin'Andriamanitra, ary hiaina miaraka amin'izy ireo izy. Ho olony izy ireo, ary Andriamanitra tenany hiaraka amin'izy ireo ary Izy ho Andriamanitr'izy ireo. <sup>4</sup> Hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo Izy, ary tsy hisy fahafatesana intsony, na alahelo, na tomany, na fanaintainana. Efa lasa ireo zavatra teo aloha. <sup>5</sup> Ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana niteny hoe: "Indro! Nataoko vaovao ny zavatra rehetra." Hoy Izy: "Soraty izao satria ireto teny ireto dia mahatoky sy marina." <sup>6</sup> Hoy Izy tamiko hoe: "Efa vita ireo zavatra ireo! Izaho no Alfa sy Omega, ilay fiandohana sy fiafarana. Izay mangetaheta dia homeko ho sotroina maimaim-poana avy amin'ny loharanon'ny fiainana. <sup>7</sup> Izay mandresy dia handova ireo zavatra ireo, ary Izaho no ho Andriamaniny, ary izy ho zanako. <sup>8</sup> Fa ireo osa, tsy manam-pinoana, maharikoriko, mpamono olona, mpijangajanga, mpanao ody, mpanompo sampy, sy mpandainga, dia any amin'ny farihy mirehitra'afo solifara no toeran'izy ireo. Izany no fahafatesana faharoa." <sup>9</sup> Nanatona ahy ny iray tamin'ireo anjely fito, ilay iray izay nanana ireo lovia fito feno ireo loza fito farany, ary hoy izy hoe: "Avy ety. Ho asehoko anao ilay ampakarina, ilay vadin'ny Zanak'ondry." <sup>10</sup> Avy eo dia noentiny tamin'ny Fanahy tany amin'ny tendrombohitra avo aho ary nasehony ahy ilay Jerosalema tanàna masina midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitra. <sup>11</sup> Nanana ny voninahitr'Andriamanitra i Jerosalema, ary ny famirapiratany dia tahaka ny vato soa sarobidy, tahaka ny vato kristalina jaspy madio. <sup>12</sup> Nanana rindrina avo lehibe niaraka tamin'ny vavahady roa ambin'ny folo izany, niaraka tamin'ny anjely roa ambin'ny folo teo amin'ireo vavahady. Teo amin'ireo vavahady no voasoratra ny anaran'ireo foko roa ambin'ny folon'ny zanak'Israely. <sup>13</sup> Nisy vavahady telo teo antsinanana, vavahady telo teo avaratra, vavahady telo teo atsimo, ary vavahady telo teo andrefana. <sup>14</sup> Nanana fototra roa ambin'ny folo ny rindrin'ilay tanàna, ary teo amin'ireo no nisy ireo anarana roa ambin'ny folon'ny apostolin'ny Zanak'ondry. <sup>15</sup> Ilay iray izay niresaka tamiko dia nanana fandrefesana volotara vita tamin'ny volamena mba handrefesana ny tanàna, ireo vavahadiny, ary ny rindrin'ny. <sup>16</sup> Miendrika efa-joro ilay tanàna; mitovy ny lavany sy ny sakany. Nandrefy ny tanàna tamin'ilay fandrefesana volotara izy, roa arivo stadio ny halavany (mitovy ny lavany, sakany, ary hahavony). <sup>17</sup> Nandrefy ny rindrin'izany koa izy, 114 hakiho raha refin'ny olona (izay refin'ny anjely ihany koa). <sup>18</sup> Vita tamin'ny jaspy ilay rindrina ary tamin'ny volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra madio. <sup>19</sup> Ny fototr'ilay rindrina dia voaravaka tamin'ireo karazana vato sarobidy rehetra. Ny voalohany dia jaspy, ny faharoa safira, ny fahatelo kalkedona, ny fahefatra emeralda, <sup>20</sup> ny fahadimy sardoniksa, ny fahenina karneola, ny fahafito krysolita, ny fahavalo beryla, ny fahasivy topaza, ny fahafolo kryso-praso, ny faha iraka ambin'ny folo jacinta, ny faha roa ambin'ny folo ametysta. <sup>21</sup> Ny vavahady roa ambin'ny folo dia vato soa roa ambin'ny folo; ny tsirairay amin'ireo vavahady dia vita tamin'ny vato soa iray. Ireo lalam-be teo an-tanàna dia volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra mangarahara. <sup>22</sup> Tsy nahita tempoly tao amin'ny tanàna aho, satria Tompo Andriamanitra Tsitoha sy ny Zanak'ondry no tempoliny. <sup>23</sup> Ny tanàna dia tsy nila masoandro na volana mba hamirapiratra amin'izany satria ny voninahitr'Andriamanitra dia namirapiratra tamin'izany, ary ny Zanak'ondry no jiron'izany. <sup>24</sup> Handeha amin'ny fahazavan'izany tanàna izany ireo firenena. Ireo mpanjakan'ny tany dia hitondra ny fahatsaran'izy ireo ho ao amin'izany. <sup>[1]</sup><sup>25</sup> Tsy hidy ireo vavahadin'izany mandritry ny andro, ary tsy hisy alina any. <sup>26</sup> Hitondra ny fahatsarana sy ny hajan'ireo firenena ao amin'izany izy ireo, <sup>27</sup> ary tsy hisy maloto hiditra ao amin'izany mihitsy. Tsy hisy na iza na iza hanao zavatra mahamenatra na mamitaka hiditra ao, fa ireo izay voasoratra anarana ao amin'ny Bokin'ny Zanak'ondrin'ny fiainana ihany.

### Footnotes

21:24 <sup>[1]</sup> Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha sasany dia mivaky hoe: "Ireo firenena izay voavonjy dia handeha amin'ny fahazavan'izany tanàna izany."

**Revelation 21:1****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia manomboka mamaritra ny fahitany momba an'i Jerosalema vaovao.

**Avy eo aho nahita**

Eto ny hoe: "aho" dia maneho an'i Jaona.

**tahaka ny ampakarina ampihaingoana ho an'ny vadiny**

Izany dia mampitaha an'i Jerosalema vaovao amin'ny ampakarina, izay mampihaingo tsara ny tenany ho an'ny vadiny.

**Revelation 21:3****feo mahery avy any amin'ny seza fiandrianana manao hoe**

Ny teny hoe: "feo" dia maneho an'ily miteny. DH: "olona iray miteny mafy avy any amin'ny seza fiandrianana manao hoe"

**Indro!**

Ny teny hoe: "Indro" eto dia manaitra antsika mba hifantoka amin'ny fampahafantarana mahagaga izay manaraka eto.

**Eo amin'ny olona ny toeran'ny****tabernakelin'Andriamanitra, ary hiaina miaraka amin'izy ireo izy**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika ary manamafy ny sitrapon'Andriamanitra, hiaina eo amin'ny olona, tokoa.

**Hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo Izy**

Ny ranomaso eto dia maneho alahelo. DH: "Andriamanitra dia hamafa ny alahelon'izy ireo, tahaka ny famafana ny ranomaso" na "Andriamanitra dia hanao azy ireo tsy ho malahelo intsony." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 7:15.

**Revelation 21:5****ireto teny ireto dia mahatoky sy marina**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra izay nambaran'izy ireo. DH: "io hafatra io dia mahatoky sy marina"

**Alfa sy Omega, ilay fiandohana sy fiasarana**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika ary manamafy ny maha-izy Azy an'Andriamanitra mandrakizay.

**Alfa sy Omega**

Ireo no voalohany sy farany amin'ny abidian'ny Grika. Ny mety ho dikany hafa 1) "ilay iray izay manomboka ny zavatra rehetra sy mamarana ny zavatra rehetra" na 2) "ilay iray izay velona hatramin'izay sy ilay velona mandrakizay". Afaka atao ihany koa hoe: "ny A sy ny Z" na "ny voalohany sy ny farany." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:7.

**ilay fiandohana sy fiasarana**

Ireo mety ho dikany: 1) "ilay iray izay manomboka ny zavatra rehetra sy mamarana ny zavatra rehetra" na 2) "ilay iray izay efa nisy talohan'ny zavatra rehetra ary hisy aorian'ny zavatra rehetra."

**Izay mangetaheta dia homeko ho sotroina maimaim-poana avy amin'ny loharanon'ny fiainana**

Andriamanitra dia miresaka ny fanirian'ny olona iray ny fiainana mandrakizay toy ny hoe mangetaheta ary ilay olona mahazo ny fiainana mandrakizay toy ny hoe misotro amin'ny loharanon'ny fiainana izy.

**Revelation 21:7****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana dia manohy miteny amin'i Jaona.

**ireo osa**

"ireo izay matahotra hanao ny marina"

**maharikoriko**

"ireo izay manao zavatra maharikoriko"

**farihy mirehitr'afo solifara**

"toerana feno afo mirehitra solifara" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 19:19.

**fahafatesana faharoa**

"fahafatesana fanindroany." Faritana ho fanasaziana mandrakizay ao amin'ny farihin'ny afo ao amin'ny 20:13 ary 21:17 izany. DH: "fahafatesana farany ao amin'ny farihin'ny afo." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 2:10.

**Revelation 21:9****ilay ampakarina, ilay vadin'ny Zanak'ondry**

Ilay anjely dia miresaka an'i Jerosalema toy ny vehivavy iray izay hanambady ny mpampakatra azy, ilay Zanak'Ondry. Jerosalema dia hevitra ambadika ho an'ireo izay mpino tsy hipetraka ao.

**Zanak'ondry**

Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

**noentiny tamin'ny Fanahy aho**

Ny toerana dia lasa niova ho Jaona lasa tany antendrombohitra any amin'izay hahitany ny tanànan'i Jerosalema. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 17:3.

**Revelation 21:11****Jerosalema**

Izany dia maneho an'i "Jerosalema, nidina avy any an-danitra" izay nofaritany ao amin'ny andininy teo aloha fa tsy Jerosalema mivaingana.

**tahaka ny vato soa sarobidy, tahaka ny vato kristalina jaspy madio**

Ireo fehezanteny roa ireo dia mitovy dika. Ny faharoa dia manamafy ny famirapiratan'i Jerosalema amin'ny alalan'ny fanomezana anarana vatosoa.

**vato kristalina madio**  
"vato izay tena madio"

**jaspy**  
Vato sarobidy. Ny Jaspas dia mety ho madio tahaka ny fitaratra na kristaly. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 4:1.

**vavahady roa ambin'ny folo**  
"vato 12"

**no voasoratra**  
Afaka atao hoe: "nisy olona nanoratra"

### Revelation 21:14

**Zanak'ondry**  
Izany dia maneho an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

### Revelation 21:16

**stadio**  
Ny kianja iray dia mirefy 185 metatra.

**hakiho**  
Ny hakiho iray dia mirefy 46 santimetatra.

### Revelation 21:18

**Vita tamin'ny jaspy ilay rindrina ary tamin'ny volamena tsy misy fangarony**  
Afaka atao hoe: "Nisy olona iray nanorina ny rindrina tamin'ny jaspy ary ny tanàna tamin'ny volamena tsy misy fangarony"

**volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra madio**  
Ny volamena tena madio dia resahina toy ny hoe fitaratra.

**Ny fototr'ilay rindrina dia voaravaka**  
Afaka atao hoe: "Nisy olona iray nandravaka ny fototr'ilay rindrina"

**jaspy ... safira ... kalkedona**  
Ireo dia vato sarobidy. Ny jaspas dia madio tahaka ny fitaratra na kristaly, ary ny karneola dia mety ho mena. Ny Emeraoda dia maitso. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 4:1.

**safira ... kalkedona ... sardoniksa ... karneola ... krysolita ... beryla ... topaza ... krysopraso ... jacinta ... ametysta.**  
Ireo rehetra ireo dia vatosoa sarobidy.

### Revelation 21:21

**vato soa**  
vakana tsara tarehy sy sarobidy. Izy ireny dia miforona ao anatin'ny akoran'ny karazana biby kely iray izay miaina any anaty ranomasina. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 17:3.

**ny tsirairay amin'ireo vavahady dia vita tamin'ny vato soa iray**  
Afaka atao hoe: "nisy olona iray nanao ny vavahady tsirairay tamin'ny vato soa iray"

**volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra mangarahara**  
Ny volamena tena madio dia resahina toy ny hoe fitaratra. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 21:18.

**Andriamanitra Tsitoha ... sy ny Zanak'ondry no tempoliny**  
Ny tempoly dia maneho ny fisian'Andriamanitra. Izany dia midika fa Jerosalema vaovao dia tsy mila tempoly satria Andriamanitra sy ilay Zanak'ondry dia hitoetra ao.

### Revelation 21:23

**ary ny Zanak'ondry no jiron'izany**  
Eto ny voninahitr'i Jesosy, ilay Zanak'Ondry, dia resahina toy ny hoe misy jiro izay manome hazavana amin'ny tanàna.

**Tsy hidy ireo vavahadin'izany**  
Afaka atao hoe: "Tsy misy na iza na iza hanidy ireo vavahady"

### Revelation 21:26

**Hitondra... izy ireo**  
"Ireo mpanjakan'ny tany dia hitondra"

**ary tsy hisy maloto hiditra**  
Afaka atao hoe: "izay madio irery ihany no afaka miditra."

**ireo izay voasoratra anarana ao amin'ny Bokin'ny Zanak'ondrin'ny fiainana ihany**  
Afaka atao hoe: "fa ireo anarany izay voasoratra ny Zanak'ondry tao amin'ny Bokin'ny Fiainana ihany"

**Zanak'ondry**  
Ny "Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy. Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 5:6.

## Chapter 22

<sup>1</sup> Ary nasehon'ilay anjely ahy ilay onin'ny ranon'ny fiainana, madio tahaka ny kristaly. Izany dia mikoriana avy any amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry <sup>2</sup> mamakivaky eo afovoan'ny lalan'ny tanàna. Ary ny andaniny roa amin'ny ony dia samy misy ilay hazon'ny fiainana, mamoa karazana voa roa ambin'ny folo, ary izany dia mamoa ny voany isam-bolana. Ny ravin'izany hazo izany dia natao hanasitrana ny firenena rehetra. <sup>3</sup> Ka tsy hisy intsony ny voahozona. Ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry dia ho ao amin'ny tanàna, ary ireo mpanompony dia hanompo Azy. <sup>4</sup> Hahita ny Endriny izy ireo, ary ny Anarany dia ho eo amin'ny handrin'izy ireo. <sup>5</sup> Ka tsy hisy alina intsony; izy ireo dia tsy mila fahazavan'ny jiro na ny masoandro intsony satria ny Tompo Andriamanitra no hazava eo amin'izy ireo. Ary hanjaka mandrakizay doria izy ireo. <sup>6</sup> Hoy ilay anjely tamiko: "Ireo teny ireo dia azo atokisana sy marina. Ny tompo, ilay Andriamanitra'ireo fanahin'ireo mpaminany, dia nandefa ny anjeliny mba hampiseho izay zavatra tsy maintsy hitranga tsy ho ela amin'ireo mpanompony." <sup>7</sup> Indro! Efa akaiky ny fihaviako! Sambatra izay mankàto ireo tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity." <sup>8</sup> Izaho, Jaona, ilay iray izay nandre sy nahita ireo zavatra ireo. Rehefa nandre sy nahita izany aho, dia niankohoka teo amin'ny tongotr'ilay anjely ny tenako mba hidera azy, ilay anjely izay nampiseho ahy ireo zavatra ireo. <sup>9</sup> Hoy izy tamiko: "Aza manao izany! Fa mpanompo namanao miaraka aminao aho, miaraka amin'ireo mpaminany rahalahinao, ary miaraka amin'ireo izay mankàto ireo tenin'ity boky ity. Miderà an'Andriamanitra!" <sup>10</sup> Hoy izy tamiko: "Aza asiana tombo-kase ireo tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity, fa antomotra ny fotoana. <sup>11</sup> Izay manao ny tsy marina, avelao izy hanohy ny tsy fahamarinana. Izay maloto fiaina, avelao izy hanohy ny fiainany maloto. Izay marina, avelao izy hanohy ny fanaovana ny marina. Izay masina, avelao izy hanohy ny fahamasinana." <sup>12</sup> "Indro! Efa akaiky ny fihaviako. Ny valisoako dia miaraka amiko, mba hamaliako ny tsirairay araka ny zava-bitany. <sup>13</sup> Izaho no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny farany, ny fiandohana sy ny fiasarana. <sup>14</sup> Sambatra ireo izay manasa ny akanjon'izy ireo mba hahazo alalana mihinana avy amin'ny hazon'ny fiainana sy hiditra ao amin'ny tanàna avy eo amin'ny vavahady. <sup>15</sup> Fa any ivelany ireo alika, ireo mpanao ody, ireo mpijangajanga, ireo mpamono olona, ireo mpanompo sampy, ary izay rehetra tia mandainga sy ireo mpandainga. <sup>16</sup> Izaho, Jesosy, dia nandefa ny anjeliko mba hanambara aminareo ireo zavatra ho an'ireo fiangonana. Izaho no fakany sy taranak'i Davida, ilay kintana mamirapiratra maraina." <sup>17</sup> Ny Fanahy sy ny Ampakarina manao hoe: "Avia!" Aoka izay mandre hiteny hoe: "Avia!" Na iza na iza mangetaheta, aoka izy hanatona, ary na iza na iza maniry izany, aoka izy hahazo maimaim-poana ny ranon'ny fiainana. <sup>18</sup> Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity: "Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy loza ho azy izay voasoratra ao amin'ity boky ity. <sup>19</sup> Raha misy manaisotra ny teny faminaniana amin'ity boky ity, Andriamanitra dia hanaisotra ny anjarany amin'ny hazon'ny fiainana sy ny tanàna masina izay voasoratra ao anatin'ity boky ity." <sup>20</sup> Hoy ilay iray izay manambara ireo zavatra ireo: "Eny! Efa akaiky ny fihaviako." Amena! Tongava, ry Tompo Jesosy! <sup>21</sup> Ho amin'ny olona rehetra anie ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy. Amena.

### Footnotes

22:14 <sup>[1]</sup>Fanamarihana: Raha tokony: "Sambatra ireo izay manasa ny akanjon'izy ireo." Ireo antontan-taratasy hafa taloha dia mivaky hoe: "Sambatra ireo izay manao ny didiny."

22:19 <sup>[2]</sup>Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha dia mivaky hoe: "Andriamanitra hanaisotra ny anjarany ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ary ao amin'ny tanàna masina izay voasoratra ao amin'ity boky ity."

### Revelation 22:1

#### Fampifandraisana ny foto-kevitra:

Jaona dia manohy mamaritra an'i Jerosalema vaovao tahaka ny nampisehoan'ny anjely azy.

#### nasehon'ilay anjely ahy

Eto ny hoe "ahy" dia maneho an'i Jaona.

#### onin'ny ranon'ny fiainana

"ilay ony mikoriana miaraka amin'ny onin'ny ranon'ny fiainana"

#### ranon'ny fiainana

Ny fiainana mandrakizay dia resahina toy ny hoe ranon'ny fiainana.



**Zanak'ondry**

Ny " Zanak'ondry" dia ondrilahy kely. Ampiasaina eto izany mba ho marika hanehoana an'i Jesosy.

**ny firenena**

Eto ny hoe: "firenena" dia maneho ny olona izay mipetraka amin'ny firenen-drehetra. DH: "ny olon'ny firenena rehetra"

**Revelation 22:3****Ka tsy hisy intsony ny voahozona**

Ireo mety ho dikany: 1) "Tsy hisy na iza na iza intsony ... izay hozonin'Andriamanitra" na 2) "Tsy hisy na iza na iza ho eo ambany fanozonan'Andriamanitra."

**ireo mpanompony dia hanompo Azy**

Ireo mety ho dikan'ny "-ny" sy "Azy" dia 1) ireo teny roa ireo dia maneho an'Andriamanitra Ray, na 2) ireo teny roa ireo dia maneho an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry, izay miara-mitondra toy ny iray ihany.

**Revelation 22:6****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Ity no fiatombohan'ny fiakaran'ny fahitan'i Jaona. Ao amin'ny andininy faha-6 ilay anjely dia miteny amin'i Jaona. Ao amin'ny andininy faha-7, dia Jesosy no miteny.

**Ireo teny ireo dia azo atokisana sy marina**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra izay nambaran'izy ireo. DH: "Ity hafatra ity dia mahatoky sy marina." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 21:5.

**ilay Andriamanitr'ireo fanahin'ireo mpaminany**

Ireo mety ho dikany: 1) ny teny hoe "fanahy" dia maneho ny toetra anatin'ireo mpaminany ary manondro fa Andriamanitra no mitaona azy ireo. DH: "Andriamanitra no nitaona an'ireo mpaminany" na 2) ny teny hoe: "fanahy" dia maneho ny Fanahy Masina izay mitaona an'ireo mpaminany. DH: "Andriamanitra no manome ny Fanahiny an'ireo mpaminany"

**Indro!**

Eto Jesosy dia manomboka miteny. Ny teny hoe: "Indro" dia manampy ny fanamafisana amin'izay manaraka eo.

**Efa akaiky ny fiaviako!**

Izany dia fantatra fa ho avy hitsara Izy. DH: "Ho avy tsy ho ela mba hitsara Aho!" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 3:9.

**Revelation 22:8****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia miteny amin'ireo mpamakin'ny momba ny fomba namaliany ny anjely.

**niankohoka**

Izany dia midika hoe miankohoka amin'ny tany sy mampiankohoka ny tena ho fankatoavana sy fanekena. Fomba manan-danja amin'ny fiderana izany, mba hanehoana fanajana sy sitrapo hanompo.

**Revelation 22:10****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Tapitra ny fitenenan'ilay anjely tamin'i Jaona.

**Aza asiana tombo-kase ... ity boky ity**

Ny manisy tombo-kase amin'ny boky dia fanidiana azy amin'ny zavatra mba tsy ho afaka vakian'iza na iza izay ao anatiny raha tsy simbaina ilay tombo-kase. Ilay anjely dia niteny an'i Jaona mba tsy hanao ny hafatra ho tsiambaratelo. DH: "Aza atao tsiambaratelo ... ity boky ity"

**ireo tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra izay nambaran'izy ireo. DH: "Ny hafatra faminaniana ato amin'ity boky ity." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 22:6.

**Revelation 22:12****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Satria efa mifarana ny bokin'ny Apokalypsy, Jesosy dia manao fanaovam-beloma.

**Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny farany, ny fiandohana sy ny fiakaranana.**

Ireo fehezanteny telo ireo dia mitovy dika ary manamafy fa Jesosy dia nisy ary misy mandrakariva.

**Alfa sy Omega**

Ireo no voalohany sy farany amin'ny abidian'ny Grika. Ny mety ho dikany hafa 1) "ilay iray izay manomboka ny zavatra rehetra sy mamarana ny zavatra rehetra" na 2) "ilay iray izay velona hatramin'izay sy ilay velona mandrakizay". Afaka atao ihany koa hoe: "ny A sy ny Z" na "ny voalohany sy ny farany" Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 1:7.

**ny voalohany sy ny farany**

Izany dia maneho ny maha-izy Azy an'i Jesosy.

**ny fiandohana sy ny fiakaranana**

Ireo mety ho dikany: 1) "ilay iray izay manomboka ny zavatra rehetra sy mamarana ny zavatra rehetra" na 2) "ilay iray izay efa nisy talohan'ny zavatra rehetra ary hisy aorian'ny zavatra rehetra." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 21:5.

**Revelation 22:14****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Jesosy dia manohy manao ny fanaovam-belomany.

**ireo izay manasa ny akanjon'izy ireo**

Ny fahatongavana ho marina dia resahina toy ny hoe fanasana akanjo. DH: "ireo izay lasa marina, toy ny hoe nanasa ny akanjony izy ireo"

**any ivelany**

Izany dia midika fa any ivelan'ny tanàna ary tsy mahazo miditra izy ireo.

**ireo alika**

Amin'izany fombafomba izany ny alika dia maloto, biby atao tsinontsinona. Eto ny teny dia fanambaniana izay maneho ny olona ratsy fanahy.

**Revelation 22:16****fakany sy taranak'i Davida**

Ny teny hoe: "faka" sy "taranaka" dia mitovy dika. Jesosy dia miteny ny "maha-taranaka" ho "faka" izay nihary tao amin'i Davida. Ireo teny roa ireo miaraka dia manamafy fa Jesosy dia an'ny fianakavian'i Davida.

**ilay kintana mamirapiratra maraina**

Jesosy dia milaza ny tenany ho kintana mamirapiratra izay miseho vao mangiran-dratsy amin'ny maraina ary manondro fa hanomboka ny andro vaovao. Jereo izay nandikanao ny "kintana maraina" ao amin'ny 2:26.

**Revelation 22:17****Fampifandraisana ny foto-kevitra:**

Ity dia andininy dia valin'izay nolazain'i Jesosy.

**ny Ampakarina**

Ireo mpino dia resahina toy ny hoe ampakarina izay hanambady ny mpampakatra azy, dia i Jesosy.

**Avia!**

Ireo mety ho dikany: 1) izany dia fanasana ny olona ho avy sy hisotro ny ranon'ny fiainana. DH: "Avia ary Misotroa!" na 2) izany dia fangatahana ampanajana an'i Jesosy mba hiverina. DH: "Miverena re!"

**mangetaheta ... ny ranon'ny fiainana.**

Ny fanirian'ny olona ny fiainana mandrakizay dia resahina toy ny hoe mangetaheta ary ny olona mahazo ny fiainana mandrakizay dia toy ny hoe misotro ny ranon'ny fiainana.

**ny ranon'ny fiainana**

Ny fiainana mandrakizay dia resahina toy ny hoe ranon'ny fiainana.

**Revelation 22:18****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Jaona dia manome ny fanamarihany farany momba ny bokin'ny Apokalypsy.

**Izaho dia manambara**

Eto ny hoe: "Izaho" dia maneho an'i Jaona.

**ny teny faminaniana amin'ity boky ity**

Eto ny "teny" dia maneho ny hafatra izay nambaran'izy ireo. DH: "Ity hafatra faminaniana amin'ity boky ity." Jereo izay nandikanao izany ao amin'ny 22:6.

**Raha misy manampy ireo ... Raha misy manaisotra**

Izany dia fampitandremana mahery ny amin'ny fanovana zavatra momba ity faminaniana ity.

**izay voasoratra ao amin'ity boky ity**

Izany dia afaka atao hoe: "ny mombamomba izay nosoratako ao anatin'ity boky ity"

**Revelation 22:20****Fampahafantarana amin'ny ankapobeny:**

Amin'ireto andininy ireto Jaona dia manao ny fanaovam-belomany sy ny an'i Jesosy.

**ilay iray izay manambara**

"Jesosy, izay manambara"

**ny olona rehetra**

"ianareo rehetra"